
NY
BOKIN'
I
MÔRMÔNA

NY
FOTOPAMPIANARANA
SY
FANEKEMPIHAVANANA

NY VOAHANGY
LAFO VIDY

NY

BOKIN' I MÔRMÔNA

TESTAMENTA IRAY Hafa Momba An' i Jesoa Kristy

NY

FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA

AN' NY FIANGONAN' I Jesoa Kristy

HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

NY

VOAHANGY LAFO VIDY

AVOAKAN'

NY FIANGONAN' I Jesoa Kristy

HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

SALT LAKE CITY, UTAH, ETAZONIA, AMERIKA 1993

© 2006 an' ny Intellectual Reserve, Inc.

Zo rehetra voatokana

Printed in the United States of America 4/2007

19932005

Translation of the Book of Mormon, Doctrine and
Covenants, and Pearl of Great Price
Malagasy

VOTOATINY

Ny Bokin' i Môrmôna

Ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana

Ny Voahangy Lafo Vidy

Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina

Teny Fampidirana

Lisitr' ireo Lohahevitra Nalahatra Araka ny Abidia

Fantina avy Amin' ny Baiboly Dikantenin' i Joseph Smith

Vanim-Potoana sy Sarintany, ary Sary Mifandray Amin' ny

Tantaran' ny Fiangonana

Sarintany sy Sary Mikasika ny Baiboly

FANAFOHIZAN-TENY SY FANOROANA AO AMIN’ IREO FANOVOZAN-KEVITRA SY NY TOROLALANA HO AN’ NY SORATRA MASINA

Testamenta Taloha		Testamenta Vaovao		Bokin’ i Môrmôna	
Gen.	Genesisy	Mat.	Matio	1 Ne.	1 Nefia
Eks.	Eksodosy	Mar.	Marka	2 Ne.	2 Nefia
Lev.	Levitikosy	Lio.	Lioka	Jkb.	Jakôba
Nom.	Nomery	Jao.	Jaona	Enô.	Enôsa
Deot.	Deoteronomia	Asa	Asan’ ny	Jar.	Jarôma
Jos.	Josoa		Apostoly	Ômn.	Ômnia
Mpits.	Mpitsara	Roma.	Romana	TiM	Tenin’ i
Rota	Rota	1 Kor.	1 Korintiana		Môrmôna
1 Sam.	1 Samoela	2 Kor.	2 Korintiana	Môsià	Môsià
2 Sam.	2 Samoela	Gal.	Galatiana	Almà	Almà
1 Mpan.	1 Mpanjaka	Ef.	Efesiana	Hel.	Helamàna
2 Mpan.	2 Mpanjaka	Filip.	Filipiana	3 Ne.	3 Nefia
1 Tan.	1 Tantara	Kol.	Kolosiana	4 Ne.	4 Nefia
2 Tan.	2 Tantara	1 Tes.	1 Tesaloniana	Môrm.	Môrmôna
Ezra	Ezra	2 Tes.	2 Tesaloniana	Ete.	Etera
Neh.	Nehemia	1 Tim.	1 Timoty	Môrô.	Môronia
Est.	Estera	2 Tim.	2 Timoty		
Joba	Joba	Tito.	Titosy	Fotopampianarana sy	
Sal.	Salamo	Filem.	Filemona	Fanekempihavanana	
Ohab.	Ohabolana	Heb.	Hebreo	F&F	Fotopampianarna sy Fanekempihavanana
Mpito.	Mpitoriteny	Jak.	Jakoba	FO—1	Filazana
Ton.	Tononkiran’ i Solomona	1 Pet.	1 Petera		Ofisialy—1
Isa.	Isaia	2 Pet.	2 Petera	FO—2	Filazana
Jer.	Jeremia	1 Jn.	1 Jaona		Ofisialy—2
Fit.	Fitomaniana	2 Jn.	2 Jaona		
Ezek.	Ezekiela	3 Jn.	3 Jaona		
Dan.	Daniela	Joda	Joda	Voahangy Lafo Vidy	
Hosea	Hosea	Fan.	Fanambarana	Mos.	Mosesy
Joe.	Joela			Abr.	Abrahama
Amo.	Amosa			JS—M	Joseph Smith—Matio
Oba.	Obadia			JS—T	Joseph Smith—Tantara
Jona	Jona			Fp.	Ireo Fanekem-pinoana
Mika	Mika				
Naho.	Nahoma			DJS	Dikantenin’ i Joseph Smith
Hab.	Habakoka			TSM	Ny Torolalana ho an’ ny Soratra Masina
Zef.	Zefania				
Hag.	Hagay				
Zak.	Zakaria				
Mal.	Malakia				

HEB Dikanteny hafa avy amin’ ny teny Hebreo.
 IH Fanazavana ireo sarinteny sy fehezanteny sarotra.
 NA Midika fa misy teny hafa manazava ny dikan’ ireo andian-teny fampiasa fahiny.

NY
BOKIN'
I
MÔRMÔNA

TESTAMENTA

IRAY HAFa

MOMBA AN' I

JESOA KRISTY

NY
BOKIN' I MÔRMÔNA
NY BOKIN' I MÔRMÔNA FITANTARANA
NOSORATAN' NY TANAN' I MÔRMÔNA
TAMIN' NY TAKELAKA NALAINA
AVY TAMIN' NY TAKELAK' I NEFIA

Araka izany, ity dia famintinana ny rakitsoratra ny olon' i Nefia, ary koa ny an' ny Lamanita—Nosoratana ho an' ny Lamanita izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary koa ho an' ny Jiosy sy ny Jentilisa—Nosoratana araka ny didy ary koa araka ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanambarana—Nosoratana sy nofehezina ary nafenina ho an' ny Tompo izany mba tsy ho azo potehina—Mba havoaka noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny amin' ny alalan' ny fandikana—Nofehezina ny tanan' i Môrônia, ary nafenina ho an' ny Tompo mba havoaka amin' ny fotoana mahamety izany amin' ny alalan' ny Jentilisa—Ny fandikana izany dia tamin' ny alalan' ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra.

Ny famintinana iray nalaina tao amin' ny Bokin' i Etera koa izay rakitsoratra ny olon' i Jarêda, izay naely patrana tamin' ny fotoana nanorokoroan' ny Tompo ny fitenin' ny olona raha mbola teo am-panganana tilikambo iray hanatrarany ny lanitra izy—Dia ny mba hampisehoana amin' ny sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany; sy ny hahafantarany ny fanekempihavanan' ny Tompo, mba tsy holavina mandrakizay izy. Ary koa ny mba handresen-dahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i JESOA NO KRISTY, ILAY ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, izay maneho ny tenany amin' ny firenena rehetra—Ary ankehitriny, raha misy hadisoana, dia hadisoan' ny olona izany; noho izany dia aza maniny ny zavatr' Andriamanitra mba ho hita tsisy pentina ianareo eo amin' ny toeram-pitsaran' i Kristy.

Fandikana ifotony avy tamin' ny takelaka ho amin' ny
teny Anglisy nataon' i Joseph Smith, zanany
Ny fanontana voalohany tamin' ny teny Anglisy dia
navoaka tany Palmyra, New York,
Etazonia Amerika tamin' ny taona 1830

TENY FANOLORANA

Ny Bokin' i Môrmôna dia bokin' ny soratra masina azo oharina amin' ny Baiboly. Izany no rakitsoratra ny fifandraisan' Andriamanitra tamin' ny mponina fahiny tany Amerika ary mitahiry ny fahafenoan' ny filazantsara maharitra mandrakizay.

Nosoratan' ny mpaminany maro fahiny ny boky, tamin' ny alalan' ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanambarana. Notaterina sy nofintinina' ilay mpaminany sady mpahay tantara nantsoina hoe Môrmôna ny tenin' izy ireny voasoratra teo amin' ireo takela-bolamena. Manoritsoritra ny tantaran' ny riba lehibe anankiroa ny rakitsoratra. Ny anankiray dia nipoitra avy tao Jerosalema, 600 talohan' i J.K., ary nizara ho firenena roa tatỳ aoriana ka fantatra tamin' ny hoe: ny Nefita sy ny Lamanita. Ny iray hafa dia nitranga elabe talohan' izany, raha nanorokoro ny fiteny teo amin' ny Tilikambon' i Babela ny Tompo. Fantatra amin' ny hoe: ny Jarèdita io vondrona io. An' arivo taona maromaro tatỳ aoriana dia fongana avokoa izy rehetra afa-tsy ny Lamanita ary ireo no razambe niavian' ny Indianina any Amerika.

Ny zava-nitranga lehibe indrindra voarakitra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia ny asa fanompoan' i Jesoa Kristy Tompo, Izy tenany, teo anivon' ny Nefita fotoana fohy taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty. Manazava ny fotopampianaran' ny filazantsara izany, manoritsoritra ny drafitry ny famonjena ary milaza amin' ny olona ny tsy maintsy hataony hahazoana fiadanana eo amin' ity fiainana ity sy famonjena mandrakizay amin' ny fiainan-ko avy.

Rehefa tontosan' i Môrmôna ny asa sorany, ny fitantarana dia natolony an' i Môrônia zanany lahy izay nanampy ny teniny vitsivitsy sy nanafina ireo takelaka tao amin' ny havoanan' i Komôrà. Io Môrônia io ihany, izay lasa olona heni-boninahitra sy nitsangana tamin' ny maty, dia niseho tamin' ny mpaminany Joseph Smith ny 21 Septambra 1823 ka nampahafantatra azy ny momba ny rakitsoratra tranainy sy ny tokony handikana izany ho amin' ny teny Anglisy.

Tamin' ny fotoana voatondro dia natolotra an' i Joseph Smith ny takelaka ka izy no nandika izany tamin' ny alalan' ny fanomezampahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny. Avoaka ho amin' ny fiteny marobe ny rakitsoratra ankehitriny ho toy ny vavolombelona vaovao sy fanampiny fa i Jesoa Kristy no Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ka izay rehetra manatona Azy sy mankatò ny lalàna ary ny ôrdônansin' ny filazantsarany no azo vonjena.

Hoy ny mpaminany Joseph Smith momba io rakitsoratra io: “nolazaiko ny rahalahy fa ny Bokin' i Môrmôna no boky marina indrindra amin' ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan' ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin' ny fanarahana ny fepetra ao anatin' ny toy izay ny ao anatin' ny boky hafa.”

Ankoatra an' i Joseph Smith dia nataon' ny Tompo izay hahitan' ny

olona iraika ambin' ny folo hafa ny takela-bolamena, ka ho vavolombelona manokana ny amin' ny fahamarinana sy ny maha avy amin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna ireo. Voarakitra an-tsoratra etoana ny tenivavolombelon' ireo ho toy "Ny Tenivavolombelon" ireo vavolombelona telo" sy "Ny Tenivavolombelon' ireo vavolombelona valo."

Manainga ny olona rehetra izahay, na aiza na aiza misy azy, hamaky ny Bokin' i Môrmôna, hisaintsaina ao am-pony ny hafatra raketiny, ary avy eo dia hanontany an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha marina ny boky. Ireo izay manaraka izany torolalana izany, ka mangataka amin' ny finoana dia hahazo ny fanambaran' ny fahamarinany sy ny maha avy amin' Andriamanitra azy, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina (jereo Môrônia 10:3–5).

Ireo izay mandray izany tenivavolombelon' Andriamanitra izany avy amin' ny Fanahy Masina dia hanjary hahafantatra koa amin' ny alalan' io hery io ihany fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao, fa i Joseph Smith no mpanambara sy mpaminaniny amin' izao andro farany izao, ary Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany no fanjakan' ny Tompo voaorina indray eto an-tany ho fanomana ny fiavian' ny Mesia fanindroany.

 NY TENIVAVOLOMBELON' IREO VAVOLOMBELONA TELO

Aoka ho fantatry ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra izay hahatongavan' ity boky ity: fa izahay, noho ny fahasovan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontosika, dia nahita ireo takelaka izay mitahiry ity rakitsoratra ity, izay rakitsoratra ny olon' i Nefia ary koa ny Lamanita rahalahiny, ary koa ny olon' i Jarèda izay avy tany amin' ny tilikambo araka ny efa voalaza. Ary fantatray koa fa efa nadika araka ny fanomezam-pahasovan' Andriamanitra sy ny heriny ireo, satria ny feony no efa nilaza izany taminay; noho izany dia fantatray amim-pahatokiana fa marina ny asa soratra. Ary ambaranay koa fa efa nahita ny soratra voasokitra teo amin' ireo takelaka; ary efa naseho anay ireo tamin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra, fa tsy araka ny herin' olombelona. Ary amin-kitsimpo tanteraka no ilazanay fa ny anjelin' Andriamanitra iray dia nidina avy tany an-danitra ka izy no nitondra sy namelatra ireo takelaka teo imasonay, ka dia nobanjininay sy nojerenay ireo mbamin' ny soratra voasokitra taminy; ary dia fantatray fa noho ny fahasovan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontosika, dia nahita izahay ka vavolombelona manambara fa marina ireo zavatra ireo. Ary dia fahagagana teo imasonay izany. Na dia teo aza izany, dia nandidy anay ny feon' ny Tompo ho vavolombelona manambara izany; koa ho fankatoavana ny didin' Andriamanitra, dia vavolombelona manambara ireo zavatra ireo izahay. Ary fantatray fa raha mahatoky ao amin' i Kristy izahay, dia hoesorinay amin' ny fitafianay ny ran' ny olombelona rehetra, ka ho hita tsy misy pentina izahay eo anatrehan' ny toeram-pitsaran' i Kristy ary hiara-honina Aminy mandrakizay any an-danitra. Ary ny voninahitra anie ho an' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, izay Andriamanitra iray. Amena.

OLIVER COWDERY
DAVID WHITMER
MARTIN HARRIS

 NY TENIVAVOLOMBELON' IREO VAVOLOMBELONA VALO

Aoka ho fantatry ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra izay hahatongavan' ity boky ity fa efa nasehon' i Joseph Smith, zanany, mpandika tenin' ity boky ity anay, ny takelaka izay efa voalaza, izay miendrika volamena; ary izay takelaka rehetra efa nadikan' io Smith voalaza io dia nokasihiny tamin' ny tananay; ary nahita koa ireo soratra voasokitra taminy izahay, ka ireo rehetra ireo dia manana ny endriky ny asa soratra tranainy sy ny fahaizana asa kanto. Ary izahay dia vavolombelona manambara izany amin-ki-tsimpo fa efa nasehon' io Smith voalaza io anay izany, satria efa hitanay sy naingain' ny tananay, ka fantatray marina fa io Smith voalaza etsy aloha io no manana ireo takelaka izay efa noresahanay. Ary omenay izao tontolo izao ny anaranay ho vavolombelona amin' izao tontolo izao ny zavatra izay efa hitanay. Ary tsy mandainga izahay, fa Andriamanitra no vavolombelona manambara izany.

CHRISTIAN WHITMER
 JACOB WHITMER
 PETER WHITMER, ZANANY
 JOHN WHITMER

HIRAM PAGE
 JOSEPH SMITH, RAINY
 HYRUM SMITH
 SAMUEL H. SMITH

NY FANAMBARAN' NY MPAMINANY JOSEPH SMITH

Izao no tenin' ny mpaminany Joseph Smith momba ny niavian' ny Bokin' i Môrmôna:

“Ny harivan' ny . . . iraika amby roapolo Septambra [1823] . . . dia nanomboka nivavaka sy nitalaho tamin' Andriamanitra Tsitoha aho. . . .

“Raha mbola teo am-piantsoana an' Andriamanitra toy izany aho dia nahita hazavana nipoitra tao an' efitranoko izay tsy nitsahatra nitombo mandra-pahatongan' ny efitranoko hazava bebe kokoa noho ny amin' ny mitataovovonana, ary niaraka tamin' izay dia nisy olona niseho teo anilan' ny fandriako ary nitsingevaheva izy ka tsy nandia tany ny tongony.

“Nanao akanjo lava, malalaka sy fotsy mangatsakatsaka fatratra izy. Ny hafotsiany dia mihoatra ny zavatra rehetra izay efa hitako hatrizao teto an-tany; sady tsy mino koa aho fa azo atao izay hahatonga ny zavatra ny tany ho lasa fotsy sy hamiratra fatratra toy izany. Nihanjaka ny tanany ary koa ny sandriny hatreo ambony kelin' ny hatotanany; tsy misarona ihany koa ny tongony sy ny ranjony hatreo ambony kelin' ny kitrokely. Tsy misarona ihany koa ny lohany sy ny tendany. Tsikaritro fa tsy nisy afa-tsy io akanjo lava io teny aminy, satria vaky anoloana izany ka hitako ny tratrany.

“Tsy ny akanjony ihany no fotsy izaitsizy, fa ny tenany rehetra dia mampirapiratra tsy hay tantaraina, ary toy ny tselatra marina tokoa ny tarehiny. Nazava fatratra tokoa ilay efitrano, kanefa mbola nanjelatra bebe kokoa noho izany ny faritra manodidina ny tenany. Raikitahotra aho raha vao nahita azy; nefa vetivety dia nisinda ny tahotra.

“Nantsoiny tamin' ny anarako aho, ary nilazany fa iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra izy hankatỳ amiko ary i Môrônia no anarany; fa manana asa hampanaovina ahy Andriamanitra; ary mety ho tsara na ho ratsy eo anivon' ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarako, na sady hindrahindrainy no hotenenin-dratsy eo anivon' ny olon-drehetra.

“Nolazainy fa misy boky iray milevina, voasoratra amin' ny takelabola mena izay mitahiry ny tantaran' ny mponina fahiny teo amin' ity kaontinanta ity sy ny loharano nipoirany. Nolazainy koa fa mirakitra ny fahafenoan' ny Filazantsara maharitra mandrakizay izany, araka ny nanoloran' ny Mpamonjy izany ireo mponina fahiny ireo;

“Ary misy koa vato roa, ao anaty tandro-bolafotsy—ary ireo vato ireo, mipetaka eo amin' ny saron-tratra iray, no manome ny antsoina hoe: Orima sy Tomima—miara-milevina amin' ireo takelaka; ary ny fananana sy ny fampiasana ireo vato ireo no maha-izy azy ny *Mpahita* tamin' ny andro fahagola na fahiny; ary ny zava-nokinendrin' Andriamanitra tamin' ny nanomanany azy ireo dia ny fandikana ny boky.

* * * * *

“Nolazainy ahy indray fa rehefa azoko ireo takelaka izay efa noresahiny—satria tsy mbola tonga ny fotoana tokony hahazoako azy ireo—

dia tsy tokony hasehoko olona ireo, na iza na iza, torak' izany koa ny saron-tratra mbamin' ny Orîma sy Tomîma, afa-tsy ireo izay handidia-ny ahy hampisehoana izany ihany; fa raha manao izany aho dia hofon-gorana. Raha mbola teo am-piresahana tamiko ny momba ireo takelaka izy dia nisy fahitana nisokatra tao an-tsaiko, ary dia azoko nojerena ny toerana nilevenan' ireo takelaka, ary izany dia tena nazava sy nisongadina tokoa, hany ka fantatro indray ilay toerana nony efa notsidihiko.

“Taorian' izany filazana izany dia nahita ny hazavana tao an' efitrano nanomboka ho niangona nanodidina avy hatrany ny tenan' ilay olona avy niresaka tamiko aho, ary tsy nitsahatra izany mandra-pahatongan' ny efitrano ho tavela tanatin' ny haizina indray, afa-tsy ny manodidina azy ihany, ary tampoka teo dia hitako ho toy ny misy lalantsara misokatra miakatra mivantana any an-danitra, ary dia nandeha niakatra izy mandra-pidifiny tanteraka, ka dia niverina toy ny teo aloha indray talohan' ny nisehoan' io hazavana avy tany an-danitra io ny efitrano.

“Nandrinandry teo aho lasa eritreritra noho iny tarehin-javatra tsy fahita iny, sady nitolagaga fatratra noho ny zavatra voalazan' ilay iraka hafakely; fa mbola teo am-pisaintsainana teo aho no nahita tampoka fa nanomboka ho nihanazava indray ny efitranoko, ary poa toa izay raha lazaina dia efa teo anilan' ny fandriako indray ilay iraky ny lanitra teo ihany.

“Nanomboka indray izy, ka ny zavatra teo ihany izay efa nolazainy tamin' ny fitsidihany voalohany tsy misy fiovana na dia kely aza no nolazainy; rehefa izany, dia nampahafantariny ahy ny amin' ny famaizana lehibe izay efa ho tonga eto an-tany miaraka amin' ny fandripanana lehibe amin' ny mosary, ny sabatra ary ny areti-mandringana; ary hihatra amin' ny tany, amin' ity taranaka ity, ireo famaizana mampangirifiry ireo. Rehefa avy nilaza ireo zavatra ireo izy dia niakatra toy ny efa nataony teo aloha indray.

“Tafalatsaka lalina tao an-tsaiko ireo teny ireo tamin' izay fotoana izay, ka nandao ahy ny torimaso, ary dia nandrinandry teo aho, ankon' ny fahagagana noho ny zavatra hitako sy reko. Akory anefa ny hagagako raha nahita io iraka io ihany indray aho teo anilan' ny fandriako ary nandre azy nanantitrantitra na namerimberina indray tamiko ny zavatra tetsy aloha ihany; saingy nampiany fampitandremana ho ahy ka nilazany tamiko fa hanandrana ny haka fanahy ahy i Satàna (noho ny ankohonan-draiko miaina ao anatin' ny fahantrana) hakako ireo takelaka ireo mba hampanan-karena ahy. Nandrara ahy izy tsy hanao izany, ka nilazany ny tsy hananako zavatra hafa banjinina, rehefa mahazo ireo takelaka ireo aho, afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra sy ny tsy ho voataonan' ny hevitra hafa, afa-tsy ny fanorenana ny fanjakany; raha tsy izany dia mety tsy ho azoko ireo.

“Taorian' io fitsidihana fahatelo io, dia niakatra indray tany an-danitra toy ny teo aloha izy ary namela ahy hisaintsaina indray ny mahahafakely ity zavatra vao nodiaviko ity; fa saiky raha vantany vao tafakatra tany an-danitra ilay iraky ny lanitra rehefa nandao ahy

fanintelony dia naneno ny akoholahy ary nahita aho fa efa mby akaiky ny maraina, izany hoe tsy maintsy ho nandany iny alina manontolo iny ny fihaonanay.

“Fotoana fohy taorian’ izay dia niarina avy teo am-pandriana aho, ary toy ny mahazatra dia namonjy ireo asa fanao isan’ andro-nefa raha nanandrana ny hiasa toy ny isan’ andro; aho dia nahita fa kely ny heriko, hany ka tsy nahefa na inona na inona. Tsikaritry ny raiko izay niara-niasa tamiko fa tsy dia tsaratsara aho ka dia nasainy nody. Dia niainga aho, ary ny fikasako dia ny hody any an-trano; kanefa raha iny handeha hihoatra ny fefin’ ilay tanimboly izay nisy anay iny aho, dia nandao ahy tanteraka ny heriko, ary tsy afa-nanoatra fa dia niankarapoka tamin’ ny tany ka tsy nahatsiaro tena mihitsy aho nandritra ny fotoana fohy.

“Ny zavatra tsaroako voalohany dia ny feo niresaka tamiko, nian-tso ahy tamin’ ny anarako. Niandrandra aho ka tazako indray ilay iraka teo ihany nijoro teo ambonin’ ny lohako sy voahodidina hazavana toy ny teo aloha. Tamin’ izay dia naveriny tamiko indray izay rehetra efa nambarany ahy ny alina iny, ary nandidy ahy izy hankany amin-draiko mba hilaza aminy ny fahitana sy ny didy efa azoko.

“Nankatò aho, ka niverina tany amin-draiko tany an-tsaha ary namerina taminy ny zava-drehetra. Avy tamin’ Andriamanitra izany hoy ny navaliny ahy, dia niteny ahy izy ny mba handehanako sy ny hanaovako araka ny nandidian’ ilay iraka. Nandao ny saha aho ka nankany amin’ ny toerana izay efa nolazain’ ilay iraka tamiko fa ileve-nan’ ireo takelaka; ary satria nazava tsara ilay fahitana efa azoko mom-ba izany, dia fantatro ilay toerana raha vantany vao tonga tany aho.

Misy vohitra iray be velarana izay avo indrindra amin’ ireo manodidina azy eo akaikin’ ny tanàna kelin’ i Manchester, fivondronan’ i Ontario, New York. Nilevina tao amin’ ny ilany andrefan’ io vohitra io, tsy dia lavitra ny tampony, ary tao ambanin’ ny vato iray ngezabe ireo takelaka napetraka tanatin’ ny vata vato iray. Matevina io vato io ary boribory ny tampony afovoany, ary manifinify ny atỳ amin’ ny sisiny, hany ka tazana eo ambonin’ ny tany ny ampahany afovoany ary rako-try ny tany ny sisiny rehetra manodidina.

“Naka fanoitra iray aho rehefa avy nalako ny tany, ka natsofoko teo amin’ ny sisiny ambanin’ ilay vato, ary dia notsindriako kely mba hanaingako azy. Nojereko ny tao anatiny ary dia hitako tao tokoa ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra, araka ny voalazan’ ilay iraka. Ny vata izay nitoerany dia narafitra tamin’ ny vato natambatambatra tamina karazana simenitra. Nisy vato roa mitsivalana tao amin’ ny fanambanin’ ilay vata, ka nipetraka teo ambonin’ ireo vato ireo ny takelaka sy ireo zavatra hafa niaraka taminy.

“Nanandrana ny namoaka azy aho, kanefa noraran’ ilay iraka izay nilaza tamiko indray fa tsy mbola tonga ny fotoana hamoahana azy sady tsy mbola ho avy izany raha tsy efa afaka efa-taona manomboka amin’ io andro io; nolazainy ahy kosa anefa ny tokony hivereneko eo

amin' izany toerana izany rehefa afaka herintaona katroka, ary hihaona amiko eo izy, ary ny mbola hanohizako izany hatrany mandrapahatongan' ny fotoana hahazoako ireo takelaka.

“Noho izany dia nankeo aho isaky ny faran' ny taona, araka ny efa nandidiany ahy, ary nahita ilay iraka teo hatrany, ary isaky ny nihaona izahay dia nandray torolalana sy fahalalana avy taminy aho momba izay handeha hataon' ny Tompo sy ny fomba hoenti-mitondra ny fanjakany amin' ny andro farany.

* * * * *

“Rehefa ela ny ela dia tonga ny fotoana ahazoako ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra. Nankeo amin' ilay toerana ilevenany aho ny faharoa amby roapolon' ny volana Septambra fito amby roapolo sy valonjato sy arivo, toy ny efa mahazatra isaky ny mifarana ny taona iray, ka natolotr' ilay iraky ny lanitra ahy izany niaraka tamin' izao fepetra izao: zary tompon' antoka aminy aho, fa raha avelako ho very izany noho ny tsirambina na vokatry ny tsy fitandremako, dia hofongorana aho; fa raha manao izay tratry ny heriko rehetra kosa aho hitahirizana izany, ambara-pihaviny, izy ilay iraka, haka izany, dia tokony ho voaro izany.

“Tsy ela dia fantatro ny antony nanomezana ahy fepetra hentitra toy izany mba ho azo antoka ny fitehirizana azy, ary ny nahatonga ilay iraka hiteny fa rehefa tontosako ny zavatra angatahina amiko, dia ho avy izy hitaky azy. Satria raha vantany vao fantatra fa azoko izany, dia nampiasaina ny fanerena mahery vaika indrindra mba hanesorana azy amiko. Nampiasaina izay tetika rehetra azo foronina hanantanterahina izany. Nihanangidy sy nihamafy kokoa noho ny teo aloha ny fanenjehana, ary nanao andry maso tsy tapaka izany ny ankamaroany mba hakany azy atỳ amiko raha azony atao. Nefa noho ny fahendren' Andriamanitra dia tafajanona soa aman-tsara teo am-pelatanako izany mandra-pahavitako taminy izay nangatahina tamiko. Nony tonga haka izany ilay iraka, araka ny fandaminana, dia natolotro azy izany; ka efa eo ambany fitahiany izany mason' andro androany faharoan' ny volana Mey, valo amby telopolo sy valonjato sy arivo.”

Ho an' ny rakitsoratra feno dia jereo ny Tantaran' i Joseph Smith, ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy sy ao amin' ny *History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints* (Tantaran' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany), boky 1, toko 1 ka hatramin' ny faha 6.

Io rakitsoratra tranainy izay nofongarina toy izany avy tao anaty tany io, toy ny feon' ny vahoaka iray miteny avy ao amin' ny vovoka, ka nadika tamin' ny fiteny ankehitriny noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny, araka ny fanamarinan' ny fanambaran' Andriamanitra, dia navoaka voalohany teto an-tany tamin' ny teny Anglisy, ny taona 1830 ho toy ny THE BOOK OF MORMON.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

Ny Bokin' i Môrmôna dia rakitsoratra masin' ny mponina tao Amerika fahizay, ary voasokitra tamin' ireo takelaka metaly. Efatra karazana ny takelaka metaly voalaza ao anatin' ny boky:

1. *Ny Takelak' i Nefia*, izay roa karazana: ny Takelaka Kely sy ny Takelaka Lehibe. Navahana manokana ho an' ny zavatra ara-panahy sy ny asa fanompoana ary ny fampianaran' ny mpaminany iretsy voalohany, fa nanoratana indrindra kosa ny tantaram-piainan' ny mponina voakasik' izany ireto faharoa (1 Nefia 9:2–4). Hatramin' ny andron' i Môsià anefa dia mirakitra ihany koa ny zavatra misongadina sy manan-danja ara-panahy ny Takelaka Lehibe.
2. *Ny Takelak' i Môrmôna*, izay famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehiben' i Nefia, miaraka amin' ny fanazavana maro. Mirakitra ny fanohizan' i Môrmôna ny tantara koa izany sy ireo fanampin-tsoratra nataon' i Môrônia zanany lahy.
3. *Ny Takelak' i Etera*, izay mampahalala ny tantaran' ny Jarèdita. Nofintinin' i Môrônia io rakitsoratra io izay nanatsofohany ny fanazavany, ary natambany tamin' ny tantara ankapobeny io rakitsoratra io araka ny lohateny hoe: “Ny Bokin' i Etera.”
4. *Ny Takela-barahina* izay nentin' ny olon' i Lehia avy tany Jerosalema, 600 talohan' i J.K. Ireo no nitahiry “ny boky dimin' i Mosesy . . . Ary koa ny rakitsoratra ny Jiosy hatrany am-piandohana . . . ka hatreo amin' ny fiantombohan' ny fitondran' i Zedekia, mpanjakan' i Joda; ary koa ny faminanian' ny mpaminany masina” (1 Nefia 5:11–13). Andalan-tsoratra maro avy amin' ireo takelaka ireo, izay mitanisa an' i Isaia sy ny mpaminany hafa ao anatin' ny Baiboly na tsy ao anatin' ny Baiboly, no hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Misy toko lehibe na fizarana dimy ambin' ny folo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fantatra amin' ny hoe boky, afa-tsy anankiray ihany, ary samy voatondro amin' ny anaran' ny mpanoratra azy avy ny tsirairay aminy. Ny ampahany voalohany (ny boky enina voalohany mifarana amin' i Ômnia) dia fandikana avy tamin' ny Takelaka Kelin' i Nefia. Eo anelanelan' ny Bokin' i Ômnia sy i Môsià dia misy teny natsofoka antsoina hoe Ny Tenin' i Môrmôna. Io teny natsofoka io no mampitohy ny rakitsoratra voasokitra tamin' ny Takelaka Kely amin' ny famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehibe.

Ny ampahany lava indrindra, manomboka amin' i Môsià ka hatramin' i Môrmôna toko 7, dia fandikana ny famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehiben' i Nefia. Ny ampahany farany, manomboka amin' i Môrmôna toko 8, ka hatramin' ny faran' ny boky, dia soratra nosokirin' i Môrônia, zanakalahin' i Môrmôna, izay rehefa avy namarana ny

tantaram-piainan-drainy, dia nanao ny famintinana ny rakitsoratra ny Jarèdita (na ny Bokin' i Etera) sy nanampy ireo fizarana fantatra amin' ny hoe ny Bokin' i Môrônia tatỳ aoriana.

Nandritra na tokony ho tamin' ny 421 taorian' i J.K. no namehezan' i Môrônia izay mpaminany sady mpahay tantara farany tamin' ny Nefita, ny rakitsoratra masina sy nanafenany izany ho an' ny Tompo mba hampisehoana izany amin' ny andro farany araka ny efa nampilazain' ny feon' Andriamanitra mialoha tamin' ny alalan' ireo mpaminany fahiny. Tamin' ny 1823 taorian' i J.K., dia nitsidika ny mpaminany Joseph Smith io Môrônia io ihany, izay olona natsangana tamin' ny maty, ka nanolotra azy tatỳ aoriana ireo takelaka voasokitra.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

<i>Anarana</i>	<i>Pejy</i>
Ny Boky Voalohan' i Nefia	1
Ny Boky Faharoan' i Nefia	70
Ny Bokin' i Jakôba	154
Ny Bokin' i Enôsa	179
Ny Bokin' i Jarôma	182
Ny Bokin' i Ômnia	185
Ny Tenin' i Môrmôna	188
Ny Bokin' i Môsià	191
Ny Bokin' i Almà	276
Ny Bokin' i Helamàna	504
Ny Boky Fahatelon' i Nefia	558
Ny Boky Fahefatr' i Nefia	636
Ny Bokin' i Môrmôna	641
Ny Bokin' i Etera	667
Ny Bokin' i Môrônia	711

NY BOKY VOALOHAN' I NEFIA

NY FITONDRANY SY NY FANOMPOANY

Tantaran' i Lehia sy i Sarià vadiny ary ny zanany efatra mirahalahy, antsoina hoe, (atomboka amin' ny zokiny indrindra) Lamàna, Lemoela, Samy ary Nefia. Mampandre an' i Lehia ny Tompo mba handao ny tanin' i Jerosalema, satria maminany amin' ny vahoaka izy ny momba ny helony ary ireo dia mitady hamono azy. Mandeha mandritra ny telo andro any an-tany foana izy sy ny fianakaviany. Mitondra ny rahalahiny i Nefia ary miverina any an-tanin' i Jerosalema haka ny rakitsoratra ny Jiosy. Ny fitantarana ny fijaliany. Mampakatra ny zanakavavin' i Ismaela ho vady izy ireo. Mitondra ny ankohonany ary mankany an-tany foana izy ireo. Ny fijaliany sy ny fahoriana any an-tany foana. Ny fizotry ny diany. Tonga eo amin' ny rano midadasika izy ireo. Mikomy amin' i Nefia ny rahalahiny. Reseny lahatra ireo, ary amboariny ny sambo iray. Miantso ny anaran' ny toerana hoe Soafeno izy ireo. Mita ny rano midadasika hankany amin' ny tany nampanantenaina izy ireo, s.n.s. Izany dia araka ny fitantaran' i Nefia; na raha tsorina, izaho Nefia no nanoratra ity rakitsoratra ity.

TOKO 1

Nanomboka ny rakitsoratra ny olony i Nefia—Nahita andry afo tamin' ny fahitana i Lehia ary namaky tao amin' ny bokin' ny faminiana—Izy dia nidera an' Andriamanitra, nanambara mialoha ny fiavian' ny Mesia ary naminany ny fandravana an' i Jerosalema—Nenjehin' ny Jiosy izy. Tokony ho 600 talohan' i J.K.

IZAHO “Nefia, noho izaho Inateraka ^bray aman-dreny ^atsongoin' olom-bolo, dia somary ^anampianarina ahy avokoa ny fahalalan' ny raiko; ary rehefa

nahita ^ffahoriana betsaka aho tamin' ny androko, dia nahita sitraka fatratra tokoa tamin' ny Tompo ihany koa aho tamin' ny androko rehetra; eny, rehefa nandray fahalalana be momba ny hatsaram-po sy ny ^smisterin' Andriamanitra aho, dia manao ny ^hrakitsoratra momba ny zava-bitako tamin' ny androko.

2 Eny, manao rakitsoratra amin' ny “fitenin-draiko aho izay miompana amin' ny fahalalan' ny Jiosy sy ny fitenin' ny Egiptiana.

3 Ary fantatro fa ny rakitsoratra izay ataoko dia “marina; ary ataon' ny tanako ihany izany;

[1 NEFIA]

1 1a TSM Nefia,
Zanakalahin' i Lehia.
b F&F 68:25, 28.
TSM Ray Aman-dreny.
d Ohab. 22:1.

e Enôsa 1:1;
Môsià 1:2–3.
TSM Mampianatra.
f TSM Fahoriana.
g TSM Misterin'
Andriamanitra.

h TSM Soratra Masina.
2a Môsià 1:2–4;
Môm. 9:32–33.
3a 1 Ne. 14:30;
Môsià 1:6; Etera 5:1–3;
F&F 17:6.

ary manao izany aho araka ny fahalalako.

4 Fa ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny "taona voalohany nitondran' i ^bZedekia, mpanjakan' i Joda (i Lehia raiko dia efa nonina tao "Jerosalema tamin' ny androny rehetra); ary tamin' io taona io ihany, dia nisy "mpaminany maro tonga naminany tamin' ny vahoaka ny tsy maintsy hibebehany, fa raha tsy izany dia tsy maintsy horavana ny tanàna lehiben' i ^fJerosalema.

5 Noho izany, ny zava-nitranga raha nandeha i "Lehia raiko, dia nivavaka tamin' ny Tompo, eny, tamin' ny ^bfony manontolo ho an' ny olony.

6 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nivavaka tamin' ny Tompo izy, dia nisy "andry afo tonga, ka nitoetra teo ambonin' ny vatolampy nanoloana azy; ary nahita sy nandre zavatra betsaka izy; ary noho ireo zavatra hitany sy reny, dia niorohoro sy nihararetra fatratra tokoa izy.

7 Ary ny zava-nitranga dia niverina tany an-tranony ihany tany Jerosalema izy; ary niantoraka teo ambony fandriany izy, rehefa "nentanin' ny Fanahy sy ireo zavatra izay hitany.

8 Ary rehefa nentanin' ny Fanahy toy izany izy, dia nentiny tamin' ny "fahitana, ka dia nahita mihitsy ny ^blanitra nisokatra ary nihevitra izy fa nahita an' Andriamanitra mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany, vao-hodidina andian' anjely tsy hita isa izay eo am-pihirana sy eo am-piderana an' Andriamaniny.

9 Ary ny zava-nitranga dia nahita Anankiray nidina avy teo afovoan' ny lanitra izy ka nahatazana fa ny "famirapiratan' dia mihoatra ny an' ny masoandro amin' ny mitataovovonana.

10 Ary nahita "roa ambin' ny folo hafa koa izy nanaraka azy, ary ny famirapiratan' dia nihoatra ny an' ireo kintana teny amin' ny habakabaka.

11 Dia nidina ireo ary nandeha tambonin' ny tany; ary ilay voalohany tamy sy nijoro nanoloana ny raiko ary nanome azy "boky iray sy nandidy azy ny hamakiany izany.

12 Ary ny zava-nitranga raha namaky izy dia heniky ny "Fanahin' ny Tompo.

13 Ary namaky izy nanao hoe: Loza, lozanao ry Jerosalema, fa efa hitako ny "fahavetavetanao! Eny, ary maro ny zavatra nova-

4a tsm Vanimpotoana—598 talohan' i j.k.

b 2 Tan. 36:10; Jer. 52:3–5; Òmnia 1:15.

d 1 Tan. 9:3.

e 2 Mpan. 17:13–15; 2 Tan. 36:15–16; Jer. 7:25–26.

tsm Mpaminany.

f Jer. 26:18; 2 Ne. 1:4;

Hel. 8:20.

5a tsm Lehia, Rain' i Nefia.

b Jakoba 5:16.

6a Eks. 13:21; Hel. 5:24, 43;

F&F 29:12;

JS—T 1:16.

7a Dan. 10:8; 1 Ne. 17:47; Mos. 1:9–10; JS—T 1:20.

8a 1 Ne. 5:4.

tsm Fahitana.

b Ezek. 1:1;

Asa 7:55–56;

1 Ne. 11:14;

Hel. 5:45–49;

F&F 137:1.

9a JS—T 1:16–17.

10a tsm Apostoly.

11a Ezek. 2:9.

12a F&F 6:15.

13a 2 Mpan. 24:18–20;

2 Tan. 36:14.

kian-draiko momba an' i ^bJerosalema—fa horavana izy, sy ny mponina ao aminy; maro no ho faty amin' ny sabatra, ary maro no ^ahoentina ho babo any Babylona.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namaky sy nahita ireo zava-dehibe sy mahatalanjona maro ny raiko, dia nihiaka zavatra maro tamin' ny Tompo izy; toy ny hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, ry Tompo Andriamanitra Tsitoha! Avo ny seza fiandriananao any an-danitra, ary ny herinao sy ny hatsaranao ary ny famindram-ponao dia manerana ny mponin' ny tany rehetra; ary satria feno famindram-po lanao dia tsy hamela ireo izay ^amanatona anao ho faty!

15 Ary araka izany fomba izany no fitenin-draiko tamin' ny fiderana ny Andriamaniny; fa ny fanahiny dia ravoravo tokoa, ary feno ny fony manontolo noho ny zavatra izay efa hitany, eny izay efa nasehon' ny Tompo azy.

16 Ary ankehitriny izaho Nefia dia tsy manao fitantarana feno ny zavatra izay efa nosoratan-draiko, fa efa nosoratany ny zavatra maro izay hitany tamin' ny fahitana sy tamin' ny nofy; ary efa nosoratany koa ny zavatra maro izay ^anaminiany sy noteneniny an-janany, izay tsy hanaovako fitantarana feno.

17 Nefa hanao ny fitantarana ny zava-bitako tamin' ny androko aho. Indro, ataoko ny ^afamininana ny ^brakitsoratra ny raiko eo amin' ny takelaka izay efa nataon' ny tanako ihany; noho izany, rehefa voafintiko ny rakitsoratra ny raiko vao hanao ny fitantarana ny fiainako kosa aho.

18 Noho izany, dia mba tiako ho fantatrareo fa taorian' ny nanehoan' ny Tompo zavatra mahatalanjona maro tokoa tamin' i Lehia raiko, eny, momba ny ^afandravana an' i Jerosalema, dia indro izy nandeha teo anivon' ny vahoaka ary nanomboka ^bnaminany sy nilaza taminy ny momba ny zavatra izay efa sady hitany no reny.

19 Ary ny zava-nitranga dia ^ananeso azy ny Jiosy noho ny amin' ny zavatra izay nambarany momba azy; fa nambarany marina tokoa izy ny amin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany; ary nambarany fa ny zavatra izay hitany sy reny ary koa ny zavatra izay novakiany tanatin' ny boky dia naneho tsotra izao ny fiavian' ny ^bMesia ary koa ny fanavotana izao tontolo izao.

20 Ary rehefa nandre ireo zavatra ireo ny Jiosy dia tezitra taminy; eny, dia tahaka ny tamin' ny mpaminany fahiny, izay efa ^anoroahiny tany ivelany sy notorahany vato ary novonoiny; ary nifofo ny ainy koa izy mba

13b 2 Mpan. 23:27; 24:2;
Jer. 13:13–14;
2 Ne. 1:4.
d 2 Mpan. 20:17–18;
2 Ne. 25:10;
Ômnia 1:15.
14a Almà 5:33–36;

3 Ne. 9:14.
16a 1 Ne. 7:1.
17a 1 Ne. 9:2–5.
b 1 Ne. 6:1–3; 19:1–6;
2 Ne. 5:29–33;
F&F 10:38–46.
18a 2 Ne. 25:9–10;

F&F 5:20.
b TSM Faminaniana.
19a 2 Tan. 36:15–16;
Jer. 25:4;
1 Ne. 2:13; 7:14.
b TSM Mesia.
20a Hel. 13:24–26.

hahazoany manala izany. Nefa indro, izaho Nefia dia haneho aminareo fa ny halehiben' ny ^bfamindram-pon' ny Tompo dia amin' ireo rehetra izay efa nofidininy, noho ny finoany, ka mam-pahery azy na dia hatrany amin' ny herin' ny fanafahana aza.

TOKO 2

Nitondra ny ankohonany nankany an-tany foana amoron' ny Ranomasina Mena i Lehia — Nandao ny fananany izy ireo — Nanatitra sorona ho an' ny Tompo i Lehia sy nampianatra ny zanany lahy mba hitandrina ny didy — Nimonomonona manohitra an-drainy i Lamàna sy i Lemoela — Nankatò sy nivavaka tamim-pahatokiana kosa i Nefia; niteny taminy ny Tompo, ary nofidiana ho mpanapaka ny rahalahiny izy. Tokony ho 600 talohan' i j.k.

Fa indro, ny zava-nitranga dia niteny tamin-draiko ny Tompo, eny, tamin' ny alalan' ny nofy izany ary nanao taminy hoe: Hotahiana ianao ry Lehia noho ny zavatra izay efa nataonao; ary satria nahatoky ianao sy nanambara tamin' ity vahoaka ity ny zavatra izay nandidiako anao, dia indro fa mitady ny ^ahanala ny ainao izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia ^anandidy an-draiko ny Tompo, na dia tamin' ny ^bnofy aza, ny

^ahakany ny ankohonany sy hiain-gany mankany an-tany foana.

3 Ary ny zava-nitranga dia ^anankatò ny tenin' ny Tompo izy, ka dia nanao araka ny nandidian' ny Tompo azy.

4 Ary ny zava-nitranga dia niainga izy hankany an-tany foana. Ary nilaozany ny tranony sy ny tany lovany, ary ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny, ary tsy nitondra na inona na inona niaraka taminy izy afa-tsy ny ankohonany sy ny vatsy ary ny lay, ary dia ^aniainga izy hankany an-tany foana.

5 Ary nidina izy nanaraka ny sisintany akaikin' ny moron' ny ^aRanomasina Mena; ary nandeha tany an-tany foana izy nanaraka ny sisin-tany izay akaiky kokoa ny Ranomasina Mena; ary izy dia nandeha tany an-tany foana niaraka tamin' ny ankohonany izay nahitana an' i Sarià reniko sy ny zokiko lahy, dia i ^bLamàna sy i Lemoela ary i Samy.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nandeha nandritra ny telo andro tany an-tany foana izy, dia nanangana ny lainy teo an-^adohasaha iray amoron' ny renirano iray.

7 Ary ny zava-nitranga dia nanangana ^aalitra ^bvato izy ary nanao fanatitra ho an' ny Tompo sy nanolotra ^afisaorana ho an' ny Tompo Andriamanitray.

8 Ary ny zava-nitranga dia

20b Almà 34:38;
F&F 46:15.
TSM Famindram-po.
2 1a 1 Ne. 7:14.
2a 1 Ne. 5:8; 17:44.
b TSM Nofy.

d Gen. 12:1; 2 Ne. 10:20;
Etera 1:42; Abr. 2:3.
3a TSM Mankatò.
4a 1 Ne. 10:4; 19:8.
5a 1 Ne. 16:14; F&F 17:1.
b TSM Laman.

6a 1 Ne. 9:1.
7a Gen. 12:7-8; Eks. 24:4;
Abr. 2:17.
b Eks. 20:25;
Deot. 27:5-6.
d TSM Misaotra.

nantsoiny hoe Lamàna ny anaran' ny renirano ary izany dia nivarina tany amin' ny Ranomasina Mena; ary ny lohasaha dia tao amin' ny sisin-tany nifanila tamin' ny vinany.

9 Ary nony nahita ny raiko fa ny renirano dia nivarina tany amin' ny loharanon' ny Ranomasina Mena, dia niteny tamin' i Lamàna izy hoe: Enga anie ianao ka ho tahaka ity renirano ity, hikorianana mandrakariva mankany amin' ny loharanon' ny fahamarinana rehetra!

10 Ary niteny koa tamin' i Lemoela izy hoe: Enga anie ianao ka ho tahaka ity lohasaha ity, mafy sy maharitra ary mifototra amin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo!

11 Ankehitriny dia izany no noteneniny noho ny hamafy hatok' i Lamàna sy i Lemoela; fa indro izy ireo dia "nimonomonona tamin-javatra maro nanohitra an^bdrainy, noho izy "olon' ny fahitana, ka efa nitondra azy ireo niala ny tanin' i Jerosalema, nandao ny tany lo-vany sy ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny mba ho faty atỳ an-tany foana. Ary izany, hoy ireo, dia noho ny hadalan' ny fisain-tsainan' ny fony.

12 Ary dia toy izany no nimonomononan' i Lamàna sy i Lemoela izay zokiny indrindra, tamin-drainy. Izy ireo dia

nimonomonona, satria tsy "fantany ny fitondran' ilay Andriamanitra izay efa nahary azy ireo.

13 Tsy nino koa izy ireo fa i Jerosalema, ilay tanàna lehibe, dia azo "ravana araka ny tenin' ny mpaminany. Ary izy ireo dia tahaka ny Jiosy tao Jerosalema izay nitady ny hanala ny ain' ny raiko.

14 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy tao an-dohasahan' i Lemoela tamin-"kery ny raiko rehefa heniky ny Fanahy, mandra^bpihovitrovitry ny vatan' izy ireo teo anoloany. Ary dia nataony nangaihay ireo, ka tsy sahy niteny nanohitra azy; noho izany izy ireo dia nanao araka izay nandidiany azy ireo.

15 Ary nitoetra tanaty lay ny raiko.

16 Ary ny zava-nitranga dia izaho Nefia izay mbola tena tanora tokoa dia lava ranjanana kosa, ary koa efa nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny "mistery momba an' Andriamanitra, noho izany aho dia nitalahy tamin' ny Tompo; ary indro Izy tonga ^bnamangy ahy sy ^dnampahalefaka ny foko hany ka "nino ny teny rehetra izay efa nolazain^fdraiko aho; koa tsy nikomy taminy tahaka ny rahalahiko aho.

17 Ary niteny tamin' i Samy aho, nampahafantatra azy ny zavatra izay efa nasehon' ny Tompo ahy tamin' ny alalan' ny

11a 1 Ne. 17:17.

TSM Mimonomonona.

b Ohab. 20:20.

d 1 Ne. 5:2-4.

12a Mos. 4:6.

13a Jer. 13:14; 1 Ne. 1:13.

14a TSM Hery.

b 1 Ne. 17:45.

16a TSM Misterin'

Andriamanitra.

b Sal. 8:4; Almà 17:10;

F&F 5:16.

TSM Fanambarana.

d 1 Mpan. 18:37;

Almà 5:7.

e 1 Ne. 11:5.

f TSM Ray, Mety Maty; Mpaminany.

Fanahy Masina. Ary ny zava-nitranga dia nino ny teniko izy.

18 Nefa indro i Lamàna sy i Lemoela dia tsy te hihaino ny teniko; ary rehefa “nalahelo aho noho ny hamafin’ ny fony, dia nitalaho tamin’ ny Tompo aho ho azy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo, nanao hoe: Hotahiana ianao ry Nefia noho ny “finoanao fa efa nika-tsaka Ahy tamim-pahazotoana tokoa ianao, niaraka tamin’ ny fietren’ ny fonao.

20 Ary, raha mbola mitandrana ny didiko ianao dia “hambinina ary hoentina mankany amin’ ny ^btany nampanantenaina iray; eny, dia any amin’ ny tany izay efa nomaniko ho anao; eny, any amin’ ny tany izay nofinidy tambonin’ ny tany hafa rehetra.

21 Ary raha mbola mikomy manohitra anao ny rahalahinao dia “hoesorina tsy ho eo anatrehan’ ny Tompo izy ireo.

22 Ary raha mbola mitandrana ny didiko ianao dia hatao “mpifehy sy mpampianatra ny rahalahinao.

23 Fa indro, amin’ izany andro izay hikomiany Amiko izany, dia “hazoniko izy ireo, dia amin’ ny ozona mafy, ka tsy hanankery amin’ ny taranakao izy ireo raha tsy hoe hikomy Amiko koa izy.

24 Ary raha toa ka mikomy Amiko izy, dia ho “karavasy ho an’ ny taranakao izy ireo, ka ^bhanaitra azy ho amin’ ny lalan’ ny fahatsiarovana.

TOKO 3

Niverina tany Jerosalema ny zana-kalahin’ i Lehia mba haka ireo takelabarahina — Nandà ny hanome ny takelaka i Labàna — Namporisika sy nampahery ny rahalahiny i Nefia — Nangalatra ny fananany i Labàna ary nanandrana ny namono azy ireo — Nikapoka an’ i Nefia sy i Samy i Lamàna sy i Lemoela ary nolevileven’ ny anjely iray. Tokony ho 600–592 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa avy niresaka tamin’ ny Tompo, dia niverina tao amin’ ny lain-draiko.

2 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izy, nanao hoe: Indro nahazo “nofy aho, ka tamin’ izany no efa nandidian’ ny Tompo ahy ny hiverenanao sy ny rahalahinao any Jerosalema.

3 Fa indro, i Labàna no manana ny rakitsoratra ny Jiosy ary koa ny “tetiara’ ny razambeko, ary voasokitra eo amin’ ny takelabarahina izany.

4 Noho izany, dia efa nandidy ahy ny Tompo ny handehananao sy ireo rahalahinao mankany an-

18a Almà 31:24;

3 Ne. 7:16.

19a 1 Ne. 7:12; 15:11.

20a Jos. 1:7;

1 Ne. 4:14;

Môsà 1:7.

^b Deot. 33:13–16;

1 Ne. 5:5; 7:13;

Mos. 7:17–18.

TSM Tany

Nampanantenaina.

21a 2 Ne. 5:20–24;

Almà 9:13–15; 38:1.

22a Gen. 37:8–11;

1 Ne. 3:29.

23a Deot. 11:28;

1 Ne. 12:22–23;

F&F 41:1.

24a Jos. 23:13;

Mpits. 2:22–23.

^b 2 Ne. 5:25.

3 2a TSM Nofy.

3a 1 Ne. 5:14.

tranon' i Labàna, ka hitadiavareo ny rakitsoratra ary hitondranareo izany midina hatraty an-tany foana.

5 Ary ankehitriny, indro fa mimonomonona ny rahalahinao, manao hoe sarotra ny zavatra izay takiako aminy; nefa, indro, tsy mitaky izany aminy aho fa didin' ny Tompo izany.

6 Noho izany dia mandehana anaka, ary hahita sitraka amin' ny Tompo ianao, satria "tsy mba nimonomonona ianao.

7 Ary ny zava-nitranga dia hoy izaho Nefia tamin-draiko: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, satria fantatro fa tsy manome ^bdidy ho an' ny zanak' olombelona ny Tompo raha tsy efa "nanomana lalana ho azy mba hahazoany manatontosa ny zavatra izay andidiany azy.

8 Ary ny zava-nitranga, dia faly izaitsizy tokoa ny raiko nony efa nandre ireo teny ireo, satria fantany fa efa notahian' ny Tompo aho.

9 Ary izaho Nefia sy ny rahalahiko dia nandeha tany an-tany foana niaraka tamin' ny lainay mba hiakatra any an-tanin' i Jerosalema.

10 Ary ny zava-nitranga, nony efa tafakatra tao an-tanin' i Jerosalema izahay, dia niara-nikaondoha izaho sy ny rahalahiko.

11 Ary nanao "an-tsapaka izahay — iza aminay no tokony

hiditra ao an-tranon' i Labàna. Ary ny zava-nitranga dia i Lamàna no voatendrin' ny an-tsapaka; ary niditra tao an-tranon' i Labàna i Lamàna ary niresaka taminy raha nipetraka tao an-tranony izy.

12 Ary nangatahiny tamin' i Labàna ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin' ny takelabarahina izay nitahiry ny "tetiaran-draiko.

13 Ary indro, ny zava-nitranga dia tezitra i Labàna ary nandroaka azy hiala teo anatrehany; ary tsy tiany ny hahazoany ny rakitsoratra. Koa hoy izy taminy: Indro mpandroba ianao ary hovonoiko.

14 Nefa nandositra niala teo anatrehany i Lamàna ary niantara taminay ny zavatra izay efa nataon' i Labàna. Ary nanomboka nalahelo fatratra tokoa izahay, ary efa saika hiverina any amin-draiko any an-tany foana ny rahalahiko.

15 Nefa indro niteny taminy aho fa raha velona koa ny Tompo ary raha velona koa isika, dia tsy handeha hidina any amin-draintsika any an-tany foana raha tsy efa tontosantsika ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo antsika.

16 Noho izany dia aoka isika ho mahatoky amin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo; koa andeha isika hidina any amin' ny tany "lovan-draintsika, satria

6a TSM Fanohanana ireo
Mpitondra ny
Fianganana.
7a 1 Sam. 17:32;
1 Mpan. 17:11–15.

TSM Finoana;
Mankatò.
b TSM Didin'
Andriamanitra.
d Gen. 18:14; Filip. 4:13;

1 Ne. 17:3, 50;
F&F 5:34.
11a Neh. 10:34; Asa 1:26.
12a 1 Ne. 3:3; 5:14.
16a 1 Ne. 2:4.

indro namela volamena sy volafotsy, ary harena isan-karazany izy. Ary izany rehetra izany no efa nataony dia noho ny ^bdidin' ny Tompo.

17 Satria fantany fa i Jerosalema dia tsy maintsy “horavana noho ny faharatsian’ ny mponina ao.

18 Fa indro, efa “notsipahiny ny tenin’ ny mpaminany. Koa raha nitoetra teo amin’ ny tani-ny ihany ny raiko rehefa avy ^bnodidina izy handositra hiala ny tany, dia indro fa ho faty koa izy. Noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny nandositra niala ny tany.

19 Ary indro, fahendren’ Andriamanitra ny hahazoantsika ireo “rakitsoratra ireo mba hahazoantsika mitahiry ny fitenin’ ny razantsika ho an’ ny zanatsika;

20 Ary koa mba hahazoantsika “mitahiry ho azy ny teny naloaky ny vavan’ ny mpaminany masina rehetra, izay efa natolotra azy ireny tamin’ ny alalan’ ny Fanahy sy ny herin’ Andriamanitra, hatramin’ ny niandohan’ izao tontolo izao ka hatramin’ izao fotoana ankehitriny izao.

21 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no fomba fiteny nandreseko lahatra ny rahalahiko mba ho mahatoky izy ireo amin’ ny fitandremana ny didin’ Andriamanitra.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina nankany amin’

ny tany lovanay izahay, ka nan-goninay miaraka ny “volamenanay sy ny volafotsinay ary ny zava-tsarobidinay.

23 Ary rehefa voangonay miaraka ireo zavatra ireo dia nandeha niakatra indray izahay nankao an-tranon’ i Labàna.

24 Ary ny zava-nitranga dia niditra tao amin’ i Labàna izahay ary nangataka azy mba hanome anay ireo rakitsoratra izay voasokitra teo amin’ ny “takela-barahina, fa homenay azy kosa ny volamenanay sy ny volafotsinay ary ny zava-tsarobidinay rehetra.

25 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny fanananay i Labàna, ary betsaka izaitsizy tokoa izany, dia “nitsiriritra izany izy ka noroahiny hivoaka izahay ary nalefany ny mpanompony hamono anay mba hahazoany ny fanananay.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloan’ ny mpanompon’ i Labàna izahay ary voatery nandao ny fanananay, ary nianjera teo am-pelatanan’ i Labàna izany.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandositra nankany an-tany foana izahay ary tsy nahatratra anay ny mpanompon’ i Labàna, ary niafina tao anaty lava-bato iray izahay.

28 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamiko sy tamin-draiko i Lamàna ary koa i Lemoela, satria nihaino ny tenin’ i Lamàna

16b 1 Ne. 2:2; 4:34.
17a 2 Tan. 36:16–20;
Jer. 39:1–9;
1 Ne. 1:13.
18a TSM Fikomiana.

b 1 Ne. 16:8.
19a Òmnia 1:17;
Môsà 1:2–6.
20a TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.
22a 1 Ne. 2:4.
24a 1 Ne. 3:3.
25a TSM Mitsiriritra.

izy. Noho izany i Lamàna sy i Lemoela dia nanao “teny henjana maro taminay zandriny lahy, ary izy ireo dia nikapoka anay na dia tamin’ ny tehina aza.

29 Ary ny zava-nitranga, raha nikapoka anay tamin’ ny tehina teo izy ireo, dia indro ny “anjin’ ny Tompo iray tonga sy nijoro teo anoloany niteny taminy, nanao hoe: Nahoana ianareo no mikapoka ny zandri-nareo lahy amin’ ny tehina? Tsy fantatrarao va fa efa nifidy azy ny Tompo ho ^bmpanapaka anareo, ary izany dia noho ny helokareo? Indro, ianareo dia handeha hiakatra indray an’ i Jerosalema, ary hatolotry ny Tompo ho eo an-tananareo i Labàna.

30 Ary rehefa avy niresaka taminay ny “anjely dia lasana.

31 Ary rehefa avy nandao anay ny anjely, dia nanomboka “nimonomonona indray i Lamàna sy Lemoela, nanao hoe: Ahoana no ahavitan’ ny Tompo manolotra an’ i Labàna ho eo an-tanantsika? Indro lehilahy mahery izy, ka afaka mibai-ko dimampolo lahy, eny, afaka mamono dimampolo lahy; koa mainka fa isika?

TOKO 4

Ny namonoan’ i Nefia an’ i Labàna, araka ny didin’ ny Tompo, ary ny nahazoany ny takela-barahina avy

eo noho ny tetikadiny — Nisafidy ny hiara-dia amin’ ny ankohonan’ i Lehia any an-tany foana i Zôrama. Tokony ho 600–592 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niteny tamin’ ny rahalahiko aho, nanao hoe: Andeha isika hiakatra indray any Jerosalema ary aoka isika ho “mahatoky amin’ ny fitandremana ny didin’ ny Tompo; fa indro Izy dia mahery kokoa noho ny tany iray manontolo, ka nahoana no tsy ho ^bmahery kokoa noho i Labàna sy ny dimampolo lahiny, eny, na dia noho ireo olony an’ alinalina aza?

2 Koa andeha isika hiakatra; aoka isika ho “mahery toa an’ i ^bMosesy; fa niteny marina tokoa tamin’ ny ranon’ ny “Ranomasinina Mena izy ary dia nisaraka ho amin’ ny andaniny sy ny ankilany izany, ary nandeha namakivaky ny razantsika, niala ny fahababoana, nandia tany maina, ary nanaraka azy ny miaramilan’ i Farao, ary rendrika tao amin’ ny ranon’ ny Ranomasina Mena izy ireo.

3 Ankehitriny indro fantatrarao fa marina izany; ary fantatrarao koa fa efa niresaka taminareo ny “anjely; koa ahoana no isalasalanareo? Andeha isika hiakatra; afaka manafaka antsika toy ny efa nanafahany ny razantsika koa ny Tompo, ary afaka mandringana an’ i Labàna toy ny efa nandringanany ny Egyptiana Izy.

28a 1 Ne. 17:17–18.

29a 1 Ne. 4:3; 7:10.

TSM Anjely.

b 1 Ne. 2:22.

30a 1 Ne. 16:38.

31a TSM Mimonomonona.

4 1a TSM Herimpo;

Finoana.

b 1 Ne. 7:11–12.

2a Deot. 11:8.

b TSM Mosesy.

d Eks. 14:21; 1 Ne. 17:26;

Môsîà 7:19.

3a 1 Ne. 3:29–31; 7:10.

4 Ary ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, dia mbola tezitra ihany izy ireo ka mbola nanohy ny fimonomononany; na dia teo aza izany, dia nanaraka ahy niakatra ihany izy ireo mandra-pahatonganay teo ivelan' ny mandan' i Jerosalema.

5 Ary alina ny andro; ary nasai-ko niafina tatỳ ivelan' ny manda izy ireo. Ary rehefa niafina izy ireo, dia izaho Nefia no nisoko niditra ny tanàna ka nandroso nankany an-tranon' i Labàna.

6 Ary "notarihin' ny Fanahy aho, tsy ^bnahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataoko.

7 Na dia teo aza izany, dia nandroso aho, ary raha tonga teo akaikin' ny tranon' i Labàna aho dia nahita lehilahy iray, ary efa nianjera tamin' ny tany teo anoloako izy, satria mamon-divay.

8 Ary nony nanatona azy aho dia hitako fa i Labàna io.

9 Ary nahatazana ny "sabany aho ka notsoahiko tamin' ny fonony izany; ary ny tahony dia vita tamin' ny volamena tsy misy fangarony ary ny fanamboarana izany dia voakaly fattratra tokoa, ary hitako fa natao tamin' ny tsy tena sarobidy tokoa ny lelany.

10 Ary ny zava-nitranga dia "nitaona ahy mafy ny Fanahy ny tokony hamonoako an' i Labàna; nefa hoy aho anakampo: Tsy mbola nandatsa-dra olona

na oviana na oviana aho. Dia nitakemotra aho ary naniry ny tsy hahazoako mamono azy.

11 Ary niteny tamiko indray ny Fanahy hoe: Indro efa natolotry ny "Tampo ho eo am-pelatana-nao izy. Eny, nahafantatra koa aho fa efa nitady ny hanala ny aiko mihitsy izy; eny, ary tsy nety nihaino ny didin' ny Tampo izy; ary efa ^bnobodoiny koa ny fanananay.

12 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ny Fanahy hoe: Vonoy izy fa efa natolotry ny Tampo ho eo am-pelatana-nao;

13 Indro, "mandringana ny ^bolon-dratsy ny Tampo mba hahatanteraka ny fikasany marina. "Tsaratsara kokoa ny hahafatesan' ny olona iray toy izay ny firenena no hihemotra ka ho faty ao amin' ny tsy finoana.

14 Ary ankehitriny izaho Nefia, nony efa nandre ireo teny ireo, dia nahatsiaro ny tenin' ny Tampo, izay nolazainy ahy tany an-tany foana, nanao hoe: "Raha mbola mitandrana ny ^bdidiko ny taranakao dia "hambinina any amin' ny "tany nampanantenaina izy.

15 Eny, ary noheveriko koa fa tsy afaka hitandrana ny didin' ny Tampo araka ny lalàn' i Mosesy izy, raha tsy manana ny lalàna.

16 Ary nahalala koa aho fa

6a TSM Fanahy Masina;
Fitaoman' ny Fanahy.

b Heb. 11:8.

9a 2 Ne. 5:14; F&F 17:1.

10a Almà 14:11.

11a 1 Sam. 17:41-49.

b 1 Ne. 3:26.

13a 1 Ne. 17:33-38;

F&F 98:31-32.

b TSM Faharatsiana.

d Almà 30:47.

14a Òmnia 1:6;

Môsià 2:22;

Etera 2:7-12.

b TSM Didin'

Andriamanitra.

d 1 Ne. 2:20.

e 1 Ne. 17:13-14;

Jakôba 2:12.

voasokitra teo amin' ny takelabarahina ny "lalàna.

17 Ary ankoatra izany dia nahalala koa aho fa efa natolotry ny Tompo ho eo am-pelatàna-ko i Labàna noho izao antony izao—dia ny mba hahazoako ny rakitsoratra araka ny didiny.

18 Koa dia nankatò ny feon' ny Fanahy aho ary nandray an' i Labàna tamin' ny volon-dohany, ary notapahiko tamin' ny "saba-ny ihany ny lohany hiala.

19 Ary rehefa avy notapahiko tamin' ny sabany ihany ny lohany hiala, dia nalaiko ny fitafian' i Labàna ary nasalotro ny tenako; eny, na dia ny zava-madinita tsirairay aza; ary nosikinako teo am-balahana ny fiadiany.

20 Ary rehefa avy nanao izany aho, dia nandeha nankany amin' ny tahirin' i Labàna. Ary raha nandeha hankany amin' ny tahirin' i Labàna aho, dia indro nahita ny "mpanompon' i Labàna izay nitana ny fanalahidin' ny tahiry. Ary nodidiako tamin' ny feon' i Labàna ny handehanany miaraka amiko mankany amin' ny tahiry.

21 Ary noheveriny ho i Labàna tompony aho, satria nahita ny fitafiako izy ary koa ny sabatra nosikinako teo am-balahana.

22 Ary noresahiny ahy ny momba ny loholon' ny Jiosy, noho ny fahalalany fa i Labàna tompony dia efa niaraka nivoaka tamin' izy ireo iny alina iny.

23 Ary izaho niresaka taminy dia miova tsy i Labàna.

24 Ary nolazaiko azy koa fa tokony hoentiko ny soratra voasokitra izay teo amin' ny "takelabarahina, hankany amin' ny rahalahy zokiko any ivelan' ny manda.

25 Ary nandidy azy koa aho hanaraka ahy.

26 Ary noho ny fiheverana fa ny rahalahy ao amin' ny fiangonana no noresahiko ary izaho marina ilay Labàna izay efa novonoiko, dia nanaraka ahy izy.

27 Ary niresaka tamiko imbe-tsaka momba ny loholon' ny Jiosy izy, raha nandeha aho nankany amin' ny rahalahiko izay tany ivelan' ny manda.

28 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ahy i Lamàna, dia natahotra fatratra tokoa izy, ary koa i Lemoela sy i Samy. Ary nitsoaka niala teo anatrehako izy ireo, satria noheveriny ho i Labàna aho, ary efa namono ahy izy ary nitady ny hanala ny ainy koa.

29 Ary ny zava-nitranga dia niantso azy ireo aho ary izy ireo dia nandre ahy; noho izany izy ireo dia nitsahatra tsy nandositra teo anatrehako.

30 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny rahalahiko ny mpanompon' i Labàna, dia nanomboka nangovitra izy ary efa saika handositra ahy ka hiverina any an-tanànan' i Jerosalema.

31 Ary ankehitriny, satria izaho Nefia dia lehilahy vaventy tsanganana ary koa nanana "tanjaka be avy tamin' ny Tompo, dia nosamboriko ny mpanompon'

16a TSM Lalàn' i Mosesy.

18a 1 Sam. 17:51.

20a 2 Ne. 1:30.

24a 1 Ne. 3:12, 19-24;

5:10-22.

31a Môsià 9:17;

Almà 56:56.

i Labàna ary notanako izy mba tsy handosirany.

32 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy aho fa raha mihaino ny teniko izy, raha velona koa ny Tompo ary raha velona koa aho, dia tahaka ny hihainoany ny teninay no hitsimbinanay ny ainy.

33 Ary niteny taminy aho ary tamin' ny "fianianana mihitsy, fa tsy tokony hatahotra izy; fa ho olon' afaka tahaka anay izy raha mandeha midina miaraka aminay any an-tany foana.

34 Ary niteny taminy koa aho, nanao hoe: Efa "nandidy antsika marina tokoa ny Tompo hanao izao zavatra izao; ka moa va isika tsy hazoto hitandrina ny didin' ny Tompo? Noho izany, raha mandeha midina any an-tany foana any amin-draiko ianao dia hanana ny anjara-toeranao eo anivonay.

35 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery i "Zôrama tamin' ny teny izay nataoko. Ankehitriny dia i Zôrama no anaran' ilay mpanompo; ary nampanantena izy fa handeha hidina any antany foana ny amin-drainay. Eny, ary nianiana taminay koa izy fa hiara-honina aminay hatramin' izao.

36 Ankehitriny dia nirinay ny hijanonany miaraka aminay, noho izao antony izao, dia ny tsy hahafantaran' ny Jiosy ny momba ny fandosiranay mankany an-tany foana, fandrao hoenjehiny izahay ary haringany.

37 Ary ny zava-nitranga, nony efa "nianiana taminay i Zôrama, dia nitsahatra ny ahiahinay momba azy.

38 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny takela-barahina sy ny mpanompon' i Labàna ary niainga nankany an-tany foana izahay, sy nandeha hankany amin' ny lain-drainay.

TOKO 5

Naniny an' i Lehia i Sarià—Niara-paly izy ireo tamin' ny fiverenan' ny zanany lahy—Nanolotra fanatitra izy ireo—Ny firaketan' ny takela-barahina ny asa soratr' i Mosesy sy ny mpaminany—Nampahafantaran' ny takelaka fa avy amin' ny taranak' i Jôsefa i Lehia—Naminany ny momba ny taranany sy ny fitehirizana ny takelaka i Lehia. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, nony efa tafidina tany an-tany foana tany amin-drainay izahay, dia indro fa heniky ny fifaliana izy ary i "Sarià reniko koa dia faly izaitzizy tokoa, satria efa namoy fo marina tokoa ny aminay izy.

2 Satria noheveriny fa efa maty tany an-tany foana izahay; ary efa naniny an-draiko koa izy ka nilaza taminy fa izy dia olon' ny fahitana, nanao hoe: Indro efa nentinao nandao ny tany lo-vantsika izahay, ary ny zanako lahy dia tsy eo intsony, ary ho faty atỳ an-tany foana isika.

3 Dia toy izany no fomba fite-

33a TSM Fianianana.

34a 1 Ne. 2:2; 3:16.

35a 1 Ne. 16:7;

2 Ne. 5:5–6.

TSM Zôrama,
Zôramita.

37a Jos. 9:1–21; Mpito. 5:4.

TSM Fianianana.

5 1a TSM Sarià.

ny nentin-dreniko naniny andraiko.

4 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy ny raiko, nanao hoe: Fantatro fa "olon' ny fahitana aho; satria raha tsy nahita ny zavatr' Andriamanitra tamin' ny ^bfahitana aho dia tsy ho nahalala ny hatsaram-pon' Andriamanitra fa ho nijanona kosa tao Jerosalema ary ho nia-ra-maty tamin' ny rahalahiko.

5 Nefa indro, efa nahazo fampantenana aho ny hahazo ny ^atany nampantenaina izay zavatra ifaliako tokoa; eny, ary ^bfantatro fa hanafaka ny zanako lahy eo am-pelatanan' i Labàna ny Tompo ary hitondra azy ireo hidina indray atỳ amintsika atỳ an-tany foana.

6 Ary araka izany fomba fiteny izany no nampaherezan' i Lehia raiko an' i Sarià reniko momba anay, raha mbola nandeha tany an-tany foana izahay niakatra tany an-tanin' i Jerosalema, haka ny rakitsoratra ny Jiosy.

7 Ary nony efa tafaverina tao an-dain-drainay izahay, dia indro fa feno ny haravoany, ary nionona ny reniko.

8 Ary niteny izy, nanao hoe: Ankehitriny dia fantatro marina tokoa ny Tompo no efa ^anandidy ny vadiko handositra atỳ an-tany foana; eny, ary koa fantatro marina tokoa fa efa nia-

ro ny zanako lahy ny Tompo ary nanafaka azy teo am-pelatanan' i Labàna sy nanome azy hery izay nahafahany ^bnanatontosa ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo azy. Ary dia araka izany fomba fiteny izany no nitenenany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nioravoravo fatratra izy ireo ary nanolotra ^afanatitra sy fanatitra odorana ho an' ny Tompo; ary nanolotra ^bfisaorana ho an' Andriamanitra ny Isiraely.

10 Ary rehefa avy nanolotra fisaorana ho an' Andriamanitra ny Isiraely izy ireo, dia nalain' i Lehia raiko ny rakitsoratra izay vita sokitra tamin' ny ^atakelabarahina ka nodinihiny hatrany am-boalohany izany.

11 Ary nahita izy fa nirakitra ny ^aboky dimin' i Mosesy izany, izay nanome ny tantaran' ny nahariana izao tontolo izao ary koa ny an' i Adama sy i Eva izay ray aman-drenintsika voalohany;

12 Ary koa ny ^arakitsoratra ny Jiosy hatrany am-piandohana ka hatreo amin' ny fiandohan' ny fanapahan' i Zedekia, mpanjakan' i Joda;

13 Ary koa ny faminanian' ireo mpaminany masina, hatrany am-piandohana ka hatreo amin' ny fanombohan' ny fanapahan' i ^aZedekia; ary koa faminanianana

4a 1 Ne. 2:11.

b 1 Ne. 1:8-13.

TSM Fahitana.

5a 1 Ne. 2:20; 18:8, 22-23.

TSM Tany

Nampantenaina.

b TSM Finoana.

8a 1 Ne. 2:2.

b 1 Ne. 3:7.

9a Môsià 2:3;

3 Ne. 9:19-20.

TSM Lalàn' i Mosesy.

b TSM Misaotra.

10a 1 Ne. 4:24, 38; 13:23.

TSM Takela-barahina.

11a 1 Ne. 19:23.

TSM Pentateoka.

12a 1 Tan. 9:1.

TSM Soratra Masina.

13a 2 Mpan. 24:18;

Jer. 37:1.

maro izay efa naloaky ny vavan' i ^bJeremia.

14 Ary ny zava-nitranga dia hitan' i Lehia raiko koa teo amin' ny "takela-barahina ny tetiaran' ny razambeny; koa fantany fa tamingan' i ^bJosefa izy; eny, dia i Josefa izay zanak' i "Jakoba, izay ^enamidy tany Egipta, izay efa ^fnotsimbinin' ny tanan' ny Tompo mba hahazoany mitsimbina an' i Jakoba rainy sy ny ankohonany rehetra tsy ho fatin' ny mosary.

15 Ary izy ireo koa dia efa nentin' io Andriamanitra io iha-ny izay efa nitsimbina azy ireo, "niala ny fahababoana sy nivoka-ka ny tany Egipta.

16 Ary dia toy izany no nahan- tan' i Lehia raiko ny tetiaran' ny razambeny. Ary i Labàna koa dia tamingan' i "Josefa, noho izany izy sy ny razambeny dia efa nitahiry ny rakitsoratra.

17 Ary ankehitriny, nony naha- hita ireo zavatra rehetra ireo ny raiko, dia heniky ny Fanahy izy ary nanomboka naminany momba ny taranany —

18 Fa ireo takela-barahina ireo dia handeha any amin' ny fire- nena, ny foko sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra izay avy amin' ny taranany.

19 Noho izany dia nolazainy fa tsy ho levona "na oviana na oviana ireo takela-barahina ireo;

sady tsy ho vasoky ny fotoana mihitsy. Ary naminany zavatra maro momba ny taranany izy.

20 Ary ny zava-nitranga ha- tramin' izay dia efa nitandrina ny didy izay efa nandidian' ny Tompo anay izaho sy ny raiko.

21 Ary efa nahazo ny rakitsor- atra izay efa nandidian' ny Tompo anay izahay ary efa no- dinihinay izany ka hitanay fa mahaliana; eny, "sarobidy mi- hitsy aminay, hany ka afaka ^bnitahiry ireo didin' ny Tompo ho an' ireo zanakay izahay.

22 Noho izany dia fahendrena tao amin' ny Tompo ny niton- dranay izany niaraka taminay, raha nandeha tany an-tany foa- na izahay hankany amin' ny tany nampanantenaina.

TOKO 6

Nanoratra momba ny zavatr' An- driamanitra i Nefia—Ny fikasan' i Nefia dia ny handresy lahatra ny olona hanatona an' Andriamanitr' i Abrahama ary hovanjena. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia tsy manome ny tetiaran' ny ra- zambeko eto amin' "ity fizaran' ny rakitsoratro ity; sady tsy homeko koa izany any aoriana, eo amin' ireto ^btakelaka izay

13b Ezra 1:1; Jer. 36:17–32;
1 Ne. 7:14; Hel. 8:20.

14a 1 Ne. 3:3, 12.

tsm Takela-barahina.

b 2 Ne. 3:4; Almà 10:3.

tsm Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

d tsm Jakoba,
Zanakalahin' i Isaka.

e Gen. 37:29–36.

f Gen. 45:4–5.

15a Eks. 13:17–18;

Amo. 3:1–2;

1 Ne. 17:23–31;

F&F 103:16–18; 136:22.

16a 1 Ne. 6:2.

19a Almà 37:4–5.

21a tsm Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

b 2 Ne. 25:26.

6 1a 2 Ne. 4:14–15.

b 1 Ne. 9:2.

soratako ireto; satria efa nomena ao amin' ny rakitsoratra izay efa notanan-"draiko izany; noho izany aho dia tsy manoratra izany eto amin' ity asa soratra ity.

2 Satria ampy ho ahy ny milaza fa tamingan' i "Josefa izahay.

3 Ary tsy dia misy lanjany ho ahy manokana ny hanaovako fitantarana feno ny zava-drehe-tra momba an-draiko, satria tsy ary ho voasoratra eo amin' "ireto takelaka ireto izany noho izaho mila toerana malalaka hahazoa-ko manoratra ny zavatr' Andriamanitra.

4 Fa ny tena fikasako dia ny hahazoako "mandresy lahatra ny olona ^bhanatona ny Andriamanitr' i Abrahama sy ny Andriamanitr' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba mba hovonjena.

5 Koa tsy hanoratra ny zavatra izay "mahafinaritra izao tontolo izao aho, fa ny zavatra kosa izay mahafaly an' Andriamanitra sy ireo izay tsy an' izao tontolo izao.

6 Koa handidy ny taranako aho ny tsy hamenoany ireo takelaka ireo amin' ny zavatra izay tsy manan-danja ho an' ny zanak' olombelona.

TOKO 7

Niverina tany Jerosalema ireo zanakalahin' i Lehia ary nanasa an' i Ismaela sy ny ankohonany mba hiara-dia aminy—Nikomy i

Lamàna sy ny hafa—Namporisika ny rahalahiny i Nefia mba hanampinoana ny Tompo—Nafatotr' izy ireo tamin' ny tady izy ary notefehiny ny hamono azy—Ny herin' ny finoana no nahafaka azy—Nangataka famelana ny rahalahiny—Nanolotra fanatitra sy fanatitra odorana i Lehia sy ny mpiaradia aminy. Tokony ho 600-592 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, dia mba tiako ny hahafantaranao fa rehefa avy namarana ny "faminaniany momba ny taranany i Lehia rai-ko, ny zava-nitranga dia mbola niteny taminy indray ny Tompo, nilaza fa tsy tsara ho azy, Lehia, ny hitondrany ny ankehonany samirery any an-tany foana; fa tokony hampakatra ^btovovavy ho "vadiny ny zanany lahy mba hahazoany manangana taranaka ho an' ny Tompo any amin' ny tany nampanantenaina.

2 Ary ny zava-nitranga dia "nandidy azy ny Tompo ny hampiverina anay, izaho Nefia sy ireo rahalahiko, any an-tanin' i Jerosalema ary hitondranay an' i Ismaela sy ny ankohonany midina aty an-tany foana.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandeha "indray nankany an-tany foana izaho Nefia niaraka tamin' ny rahalahiko mba nandeha hiakatra any Jerosalema.

4 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra tao an-tranon'

1d 1 Ne. 1:16-17; 19:1-6.

2a 1 Ne. 5:14-16.

3a Jakôba 7:27;

Jarôma 1:2, 14;

Ômnia 1:30.

4a Jao. 20:30-31. Jereo pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

b 2 Ne. 9:41, 45, 51.

5a 1 Tes. 2:4; TiM 1:4.

7 1a 1 Ne. 5:17-19.

b 1 Ne. 16:7.

d tsm Fanambadiana.

2a 1 Ne. 16:7-8.

3a 1 Ne. 3:2-3.

i Ismaela izahay ary nahita sitra-ka teo imason' i Ismaela izahay hany ka nolazainay azy ny tenin' ny Tompo.

5 Ary ny zava-nitranga dia nanafe-faka ny fon' i Ismaela ary koa ny an' ny ankehonany ny Tompo ka niara-nandeha nidi-na taminay tany an-tany foana izy ireo hankany amin' ny lain-drainay.

6 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nandeha tany an-tany foana izahay, dia indro i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakavavin' i Ismaela roa sy ny "zanakalahin' i Ismaela roa ary ny ankehonany dia nikomy nanohitra anay; eny, nanohitra ahy Nefia sy i Samy, ary i Ismaela rainy izy ireo sy ny vadiny, ary ny zana-ny vavy telo hafa.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany fikomiana izany, dia naniry ny hiverina any an-tanin' i Jerosalema izy ireo.

8 Ary ankehitriny, noho izaho Nefia "nalahelo noho ny hama-fin' ny fony, dia niteny taminy aho, eny na dia tamin' i Lamàna sy tamin' i Lemoela aza, nanao hoe: Indro, rahalahiko sady zokiko ianareo, kanefa nahoana no dia mafy fatratra ny ao amponareo ary jamba izaitsizy ny ao an-tsainareo, ka mila ahy zandrinareo lahy ianareo mba hiteny anareo, eny, ary hanome ohatra anareo?

9 Nahoana no tsy mba nihaino ny tenin' ny Tompo ianareo?

10 Ahoana no "nanadinoanareo fa efa nahoana anjelin' ny Tompo iray ianareo?

11 Eny, ahoana no nanadinoanareo ny mahalehibe ny zavatra izay efa nataon' ny Tompo tamintsika, tamin' ny "nanafahany antsika teo an-tanan' i Labàna ary koa ny nahazoantsika ny rakitsoratra?

12 Eny, ahoana no efa nanadinoanareo fa ny Tompo dia mahay manao ny "zavatra rehetra ho an' ny zanak' olombelona, araka ny sitrapony, raha toa ka mampihatra ny ^bfinoany Azy izy? Noho izany, aoka isika ho mahatoky Aminy.

13 Ary raha toa ka mahatoky Aminy isika dia ho azontsika ny "tany nampanantenaina; ary ho fantatrareo amin' ny fotoana ho avy fa tsy maintsy ho tanteraka ny tenin' ny Tompo momba ny ^bfandravana an' i Jerosalema; fa tsy maintsy ho tanteraka ny zavatra rehetra izay efa nolazain' ny Tompo momba ny fandravana an' i Jerosalema.

14 Fa indro, mitsahatra tsy hiara-miady aminy ny Fanahin' ny Tompo ato ho ato; satria, indro, efa "notsipahiny ny mpaminany ary i ^bJeremia efa naidiny an-tranomaizina. Ary efa notadiaviny ny hanala ny ^dain' ny

6a 2 Ne. 4:10.
8a Almà 31:2;
Mos. 7:41.
10a Deot. 4:9;
1 Ne. 3:29; 4:3.
11a 1 Ne. 4.
12a 1 Ne. 17:50;

Almà 26:12.
b 1 Ne. 3:7; 15:11.
13a 1 Ne. 2:20.
tsm Tany
Nampanantenaina.
b 2 Mpan. 25:1-21;
2 Ne. 6:8; 25:10;

Ômnia 1:15;
Hel. 8:20-21.
14a Ezek. 5:6;
1 Ne. 1:18-20; 2:13.
tsm Fikomiana.
b Jer. 37:15-21.
d 1 Ne. 2:1.

raiko, hany ka efa noroahany izy hiala ny tany.

15 Ankehitriny indro lazaiko aminareo fa raha miverina any Jerosalema ianareo dia ho faty miaraka aminy koa. Ary ankehitriny, raha manan-tsafidy ianareo, dia mandehana miakatra ny tany ary tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo, fa raha mankany ianareo dia ho faty koa; fa izany no itaoman' ny Fanahin' ny Tompo ahy mba hoteneniko.

16 Ary ny zava-nitranga, iza-ho Nefia, rehefa avy nilaza ireo teny ireo tamin' ny rahalahiko dia tezitra tamiko izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia nosamboriny aho, fa indro tezitra izaitsizy izy ireo, ary "nafatony tamin' ny tady, satria notadiaviny ny hanala ny aiko sy ny hahazoana mamela ahy atỳ an-tany foana hoviravirain' ny bibidia.

17 Nefa ny zava-nitranga dia nivavaka tamin' ny Tompo aho, nanao hoe: Tompo ô, araka ny finoako izay ao Aminao dia lanao anie hanafaka ahy eo antanan' ny rahalahiko; eny, omeo hery aho hahazoako "manapa-tapaka ireto tady izay ifatorako ireto.

18 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, dia indro nivaha niala ny tânako sy ny tongotro ny fatotra ary nitsangana teo anoloan' ny rahalahiko aho ary niteny taminy indray.

19 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamiko indray izy, ary

nitady ny hisambotra ahy; nefa indro, nitalahoan' ny "zanakavavin' i Ismaela iray, eny, mba-min-dreniny sy ny zanakalahin' i Ismaela iray ny rahalahiko, hany ka nihanalefaka ny fony; ary dia natsahany ny fiezahana hanala ny aiko.

20 Ary ny zava-nitranga dia feno alahelo izy ireo, noho ny faharatsiany, hany ka niankohoka teo anoloako sy nitalaho ahy mba hamelako azy ireo tamin' ny zavatra izay efa nataony tamiko.

21 Ary ny zava-nitranga dia "namela azy ireo tsy an-kifonofono aho tamin' izay rehetra efa nataony sy namporisika azy ireo mba hivavahany amin' ny Tompo Andriamaniny ho famelana ny helony. Ary ny zava-nitranga dia nataony izany. Ary nony efa vita ny vavaka nataony tamin' ny Tompo, dia nanohy indray ny dianay nankany amin' ny lain-drainay izahay.

22 Ary ny zava-nitranga dia nidina nankany amin' ny lain-drainay izahay. Ary nony efa tafidina tany amin' ny lain-drainay izaho sy ny rahalahiko ary ny mpianakavin' i Ismaela rehetra, dia nanolotra "fisaorana ho an' ny Tompo Andriamaniny izy ireo; ka nanolotra fanatitra sy ^bfanatitra odorana ho Azy izy ireo.

TOKO 8

Nahita ny hazon' aina tamin' ny fahitana i Leahia—Nihinana tamin'

16a 1 Ne. 18:11–15.
17a Almà 14:26–28.

19a 1 Ne. 16:7.
21a TSM Mamela.

22a TSM Misaotra.
b 1 Ne. 5:9.

ny voany izy ary naniry ny ha-naovan' ny ankohonany torak' izany koa — Nahita anja-by, lalana ety sy tery ary zavon' ny haizina izay mandrakotra ny olona izy — Nihinana tamin' ny voany i Sarià sy i Nefia ary i Samy, fa nandà kosa i Lamàna sy i Lemoela. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia efa nangoninay miaraka izay rehe-tra mety ho ambioka araka ny karazany avy, na ny voa isaky ny karazany avy izany, na koa ny voan' ny hazo fihinam-boa isaky ny karazany avy.

2 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminay ny raiko, raha mbola nonina tany an-tany foana izy, nanao hoe: Indro, “nahazo nofy aho; na raha tsorina, nahita ^bfahitana aho.

3 Ary indro noho ny zavatra izay hitako dia misy antony maharavoravo ahy ao amin' ny Tompo noho ny amin' i “Nefia ary koa ny amin' i Samy; fa manana antony aho iheverako fa ireo, ary koa ny maro amin' ny taranany dia hovonjena.

4 Nefa indro, matahotra izaitsizy tokoa aho noho ny aminareo ry “Lamàna sy i Lemoela; fa indro nihevitra aho ho nahita tany foana maizina sy mahonena tanatin' ny nofiko.

5 Ary ny zava-nitranga dia nahita lehilahy iray aho, ary nanao

“akanjo fotsy izy; ary avy izy ary nijoro teo anoloako.

6 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izy ary nasainy nanaraka azy aho.

7 Ary ny zava-nitranga, raha nanaraka azy aho, dia nahita ny tenako, fa tao amin' ny tany ngazana maizina sy mahonena aho.

8 Ary rehefa avy nandeha nandritra ny ora maro tanatin' ny haizina aho, dia nanomboka nivavaka tamin' ny Tompo mba “hamindrany fo amiko, araka ny hamaroan' ny halehiben' ny famindram-pony.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nivavaka tamin' ny Tompo aho, dia nahatazana “saha iray malalaka sy midadasika.

10 Ary ny zava-nitranga, dia nahatazana “hazo iray aho, izay mampilendalenda ny ^bvoany ka mahasambatra ny olona.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nanatona aho ka nihinana tamin' ny “voany; ary nahita aho fa tena mamy izany, manaoatra noho izay rehetra efa nandra-mako hatramin' izay. Eny, ary nahita aho fa fotsy ny voany, manaoatra noho ny ^bhafotsiana rehetra izay efa hitako hatramin' izay.

12 Ary raha nihinana tamin' ny voany aho, dia nofenoiny “fifaliana mitafotafo tokoa ny fanahiko; koa nanomboka ^bnangetaheta aho ny mba hihinanan'

8 2a TSM Nofy;
Fanambarana.
b 1 Ne. 10:17.
TSM Fahitana.
3a 1 Ne. 8:14–18.
4a 1 Ne. 8:35–36.

5a JS—T 1:30–32.
8a TSM Famindram-po.
9a Mat. 13:38.
10a Gen. 2:9;
Fan. 2:7; 22:2;
1 Ne. 11:4, 8–25.

TSM Hazon' Aina.
b Almà 32:41–43.
11a Almà 5:34.
b 1 Ne. 11:8.
12a TSM Fifaliana.
b Almà 36:24.

ny ankohonako amin' izany koa; satria nahalala aho fa "mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra izany.

13 Ary raha nanopy ny masoko manodidina aho, fa angamba mba mety ho hitako koa ny ankohonako, dia nahita "renirano iray aho; ary nikoriana izany ary teo akaikin' ilay hazo izay nihinanako ny voany.

14 Ary nijery aho mba hahitako izay fiaviany; ary nahita aho fa tsy dia lavitra loatra ny loharanony; ary teo amin' ny loharanony no nahatazanako an' i Saria reninareo sy i Samy ary i Nefia; ary nijoro teo izy ireo toy ny tsy nahafantatra izay tokony halehany.

15 Ary ny zava-nitranga dia nohofaiko tanana izy ireo; ary nolazaiko azy ireo koa tamin' ny feo avo fa tokony hanatona ahy izy ireo ary hihinana amin' ny voankazo izay mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanatona ahy izy ireo ary nihinana tamin' ny voankazo koa.

17 Ary ny zava-nitranga dia naniry aho ny mba hanatonan' i Lamàna sy i Lemoela ka hihinanany amin' ny voankazo koa; noho izany dia nanopy ny masoko teny amin' ny loharano aho fa angamba mba mety hahita azy ireo.

18 Ary ny zava-nitranga dia

nahita azy ireo aho, kanefa "tsy te hanatona ahy izy ireo hihinana amin' ny voankazo.

19 Ary nahatazana "anja-by iray aho, ary izany dia nitohy nanaraka ny moron' ny renirano, sy nitondra nankeo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany.

20 Ary izaho koa nahatazana lalana iray "ety sy tery izay nanaraka ny anja-by hatreo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany; ary izany koa dia nitondra teo akaikin' ny loharano, nankamin' ny ^bsaha malalaka sy midadasika miova tsy ny tontolo iray.

21 Ary nahita andian' olona tsy hita isa aho, ka ny maro taminy dia nibosesika mba hahazoany mihazo ny "lalana izay nitondra nankeo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ireo ary nandray ny lalana izay nitondra nankeo amin' ny hazo.

23 Ary ny zava-nitranga dia nisy "zavon' ny haizina tonga; eny, dia zavon' ny haizina matovina izaitsizy tokoa hany ka very lalana ireo izay vao nanomboka ny diany, ka nirenireny ary very.

24 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny hafa nibosesika hatrany aho, ary nandroso hatrany izy ary namikitra ny tendron' ny anja-by; ary dia nibosesika hatrany izy, namakivaky ilay zavon' ny haizina, nihazona tamin'

12d 1 Ne. 15:36.

13a 1 Ne. 12:16–18;
15:26–29.

18a 2 Ne. 5:20–25.

19a Sal. 2:9;

Fan. 12:5;

djs, Fan. 19:15;
1 Ne. 8:30; 11:25;
15:23–24.

20a Mat. 7:14;

2 Ne. 31:17–20.

^b Mat. 13:38.

21a tsm Lalana.

23a 1 Ne. 12:17; 15:24.

ny anja-by na dia mandra-pahatongany ka nihinanany tamin' ny "voan' ny hazo aza.

25 Ary rehefa avy nihinana tamin' ny voan' ny hazo izy dia nanopy ny masony manodidina toy ny "menatra.

26 Ary nanopy ny masoko manodidina koa aho ka nahatazana terỳ ampitan' ny renirano, trano iray mijoalajoala sy "malalaka; ary izany dia nijoro miova tsy ny eny amin' ny habakabaka avo ambonin' ny tany.

27 Ary feno olona ilay trano, na antitra izany na tanora, na lahy na vavy; ary miratra fatra tokoa ny fomba fitafiany; ary nanao "fihetsika fanesoana ireo no sady nanondro tamin' ny rantsantanany ireo izay efa tonga ka nihinana tamin' ny voan' ny hazo.

28 Ary rehefa avy "nanandra-na tamin' ny voan' ny hazo izy dia nanjary ^bmenatra noho ireo izay namingavinga azy; ary dia "nianjera tany amin' ny lalana voarara izy ka very.

29 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia tsy mitatitra ny "teny rehetra nataon' ny raiko.

30 Fa raha afohezina ny fanoratana, dia indro nahita valalabemandry hafa nibosesika hatrany izy; ary tonga ireo ary namikitra tamin' ny tendron' ny "anja-by; ary ireo dia nibosesika hatrany, nihazona mafy ny anja-by man-

dra-pahatongany sy nandohalihany ary nihinanany tamin' ny voan' ny hazo.

31 Ary nahita "valalabemandry hafa izy izay nitsapatsapa ny lalan-kalehany mankeny amin' ilay trano mijoalajoala sy malalaka ihany koa.

32 Ary ny zava-nitranga dia betsaka no rendrika tao amin' ny halalin' ny "loharano; ary maro no tsy hitan' ny masony fa nirenireny tamin' ny lalana hafahafa.

33 Ary sesehena ny valalabemandry niditra io trano hafahafa io. Ary rehefa tafiditra io trano io ireo dia "nanondro ahy sy ireo izay nihinana tamin' ny voan' ny hazo koa, tamin' ny rantsan-tanana mamingavinga; nefa tsy noraharahainay izy ireo.

34 Izao no tenin-draiko: Fa izay rehetra "nihaino azy ireo dia efa lavo.

35 Ary tsy nihinana tamin' ny voan' ny hazo i "Lamàna sy i Lemoela, hoy ny raiko.

36 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny rehetra mikasika ny nofiny na ny fahitan' ny izay maro tokoa ny raiko, dia niteny taminay izy noho ireo zavatra hitany tamin' ny fahitany, fa natahotra izaitsizy tokoa izy ny amin' i Lamàna sy i Lemoela; eny, natahotra izy fandrao dia horoahina hiala tsy ho eo anatrehan' ny Tompo izy ireo.

24a 1 Ne. 8:10–12.

25a Roma. 1:16;

2 Tim. 1:8;

Almà 46:21;

Môrm. 8:38.

26a 1 Ne. 11:35–36; 12:18.

27a TSM Fiavonavonana.

28a 2 Pet. 2:19–22.

b Mar. 4:14–20; 8:38;

Lio. 8:11–15;

Jao. 12:42–43.

d TSM Apôstazia.

29a 1 Ne. 1:16–17.

30a 1 Ne. 15:23–24.

31a Mat. 7:13.

32a 1 Ne. 15:26–29.

33a TSM Fanenjehana.

34a Eks. 23:2.

35a 1 Ne. 8:17–18;

2 Ne. 5:19–24.

37 Ary izy dia namporisika azy ireo, araka ny fihetsehampon' ny "ray be fiantra, mba hihainoany ny teniny fandrao mba ho feno famindram-po aminy ihany ny Tompo, ka tsy horoahina hiala izy ireo; eny, nitory taminy ny raiko.

38 Ary rehefa avy nitory taminy izy ary koa naminany zavatra maro taminy, dia nentaniny izy ireo hitandrina ny didin' ny Tompo; ary dia nitsahatra tsy niteny taminy izy.

TOKO 9

Nanao rakitsoratra roa karazana i Nefia—Samy antsoina hoe ny takelak' i Nefia ny tsirairay avy aminy—Nirakitra ny tantarampiainana an-davanandro ny takelaka lehibe; namaofivaofy indrindra kosa ny momba ny zava-masina ny takelaka madinika. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ireo zavatra rehetra ireo dia hitan-draiko ary reny sy nola-zainy, raha nonina tao anaty lay izy, tao an-"dohasahan' i Lemoe-la, ary miampy zava-maro hafa koa, izay tsy azo soratana eto amin' ireto takelaka ireto.

2 Ary ankehitriny, toy izay efa nolazaiko momba ireto takelaka ireto, dia indro tsy ireto no "takelaka izay anaovako fitantarana feno momba ny tantaran' ny oloko; fa ny takelaka izay

eo aminy no anaovako ny fitantarana feno ny amin' ny oloko, dia efa nomeko ny anarana hoe Nefia; noho izany, dia nantsoiko hoe ny takelak' i Nefia ireo, araka ny anarako ihany; ary ireto takelaka ireto koa dia antsoina hoe ny takelak' i Nefia.

3 Na dia eo aza izany, dia efa nahazo didy tamin' ny Tompo aho hanao ireto takelaka ireto noho izao "antony manokana izao: dia ny mba hisian' ny fitantarana amin' ny alalan' ny sokitra ny ^basa fanompoan' ny oloko.

4 Eo amin' ny takelaka hafa no tokony hosokirina ny tantaran' ny fitondran' ny mpanjaka sy ny ady ary ny fifandirana teo amin' ny oloko; noho izany dia miompana amin' ny asa fanompoana ny ankamaroany amin' ireto takelaka ireto; ary ireo "takelaka hafa kosa dia miompana amin' ny fitondran' ny mpanjaka sy ny ady ary fifandirana teo amin' ny oloko ny ankamaroany.

5 Noho izany, dia efa nandidy ahy ny Tompo hanao ireto takelaka ireto noho ny "fikasana hendry ao Aminy, dia fikasana izay tsy fantatro.

6 Nefa ny Tompo "mahafantatra ny zavatra rehetra hatrany am-piandohana; noho izany, manomana lalana Izy mba hanantanterahana ny asany rehetra eo anivon' ny zanak' olombelona;

37a TSM Fianakaviana;
Ray Aman-dreny.

9 1a 1 Ne. 2:4–6, 8,
14–15; 16:6.

2a 1 Ne. 19:2, 4;
Jakôba 3:13–14;

TiM 1:2–11;
F&F 10:38–40.
TSM Takelaka.

3a F&F 3:19.

b 1 Ne. 6:3.

4a Jakôba 1:2–4;

TiM 1:10.

5a 1 Ne. 19:3; TiM 1:7;

Almà 37:2, 12, 14.

6a 2 Ne. 9:20; F&F 38:2;

Mos. 1:6, 35.

TSM Heni-pahalalana.

fa indro, manana ny ^bhery rehe-
tra Izy hanatontosana ny teniny
rehetra. Ary dia toy izany no izy.
Amena.

TOKO 10

*Naminany i Lehia fa ny Jiosy dia
hoentin' ny Babyloniana ho babo—
Nolazainy ny amin' ny hiavian' ny
Mesia iray, ny Mpamonjy, ny Mpa-
navotra eo anivon' ny Jiosy—No-
lazain' i Lehia koa ny fiavin' ilay
hanao batisa ny Zanakondrin' An-
driamanitra—Nolazain' i Lehia ny
amin' ny fahafatesana sy ny fitsan-
ganan' ny Mesia amin' ny maty—
Nampitahainy tamin' ny hazo oliva
iray ny fielezan' i Isiraely sy ny
fanangonana azy indray—Niteny
ny momba ny Zanak' Andriama-
nitra, ny fanomezana ny Fanahy
Masina ary ny ilana ny fahamari-
nana i Nefia. Tokony ho 600–592
talohan' i J.K.*

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia
miroso amin' ny fitantarana eo
amin' "ireto takelaka ireto ny
amin' ny zava-bitako sy ny fi-
tondrako ary ny asa fanompoa-
ko; noho izany, ho firosoana
amin' ny tantarako ihany, dia
tsy maintsy somary miteny iha-
ny aho ny momba ny zavatra
ny raiko, ary koa ny momba ny
rahalahiko.

2 Fa indro ny zava-nitranga,

rehefa avy namarana ny filazan'
ny teny momba ny "nofiny ny
raiko, ary koa momba ny fam-
porisihana azy ireo ho amin'
ny fahazotoana rehetra, dia
niresaka ny momba ny Jiosy
taminy izy—

3 Fa aorian' ny handravana
azy ireo, dia ny tanàna lehiben'
i "Jerosalema izany, ary maro no
^bhoentina ho babo any "Babylo-
na, amin' ny fotoana voaten-
drin' ny Tompo, dia "hiverina
indray izy ireo, eny, hoentina
miverina hiala ny fahababoana;
ary rehefa hoentina miverina
hiala ny fahababoana izy ireo dia
hizaka ny tany lovany indray.

4 Eny, "eninjato taona taorian'
ny nandaozan-draiko an' i Jero-
salema, dia hanangana "mpami-
nany iray eo anivon' ny Jiosy ny
Tampo Andriamanitra—dia ny
"Mesia izany, na raha lazaina
amin' ny teny hafa, ny Mpa-
monjy izao tontolo izao.

5 Ary niresaka koa izy momba
ny mpaminany, fa maro tokoa
no efa "nanambara ireo zavatra
ireo, ny momba ity Mesia ity
izay noresahiny, na ity Mpana-
votra izao tontolo izao ity.

6 Noho izany, dia tao amin' ny
toetry ny fahaverezana sy ny
"fahalavoana ny olombelona re-
hetra, ary ho tafatoetra tao man-
drakariva izy raha tsy niant-
hitra tamin' Ilay Mpanavotra.

6b Mat. 28:18.

10 1a 1 Ne. 9:1–5;

19:1–6;

Jakôba 1:1–4.

2a 1 Ne. 8.

3a Est. 2:6; 2 Ne. 6:8;

Hel. 8:20–21.

b 2 Ne. 25:10.

TSM Vanim-
potoana—587 B.C.

d Ezek. 24:2; 1 Ne. 1:13;

Ômnia 1:15.

e Jer. 29:10; 2 Ne. 6:8–9.

4a 1 Ne. 19:8;

2 Ne. 25:19;

3 Ne. 1:1.

b 1 Ne. 22:20–21.

d TSM Mesia.

5a Jakôba 7:11;

Môsîa 13:33;

Hel. 8:19–24;

3 Ne. 20:23–24.

6a TSM Fahalavaon' i
Adama sy i Eva.

7 Ary niteny koa izy ny momba ny "mpaminany izay tokony ho avy mialohan' ny Mesia mba hamboatra ny lalan' ny Tompo—

8 Eny, dia handeha izy ka hiantso any an-tany foana hoe: "amboary ny lalan' ny Tompo ary ataovy mahitsy ny lalan-kalehany; fa eto aminareo misy anankiray izay tsy fantatrareo; ary mahery noho izaho Izy ka tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aho. Ary betsaka no nolazain-draiko momba iza ny zavatra izany.

9 Ary nolazain' ny raiko fa hanao batisa ao "Betabarà, ampitan' i Jordana izy; ary nolazainy koa fa hanao ^bbatisa amin' ny rano izy; eny, hataony batisa amin' ny rano na dia ny Mesia aza.

10 Ary rehefa avy nanao batisa ny Mesia tamin' ny rano izy, dia hahita ary ho vavolombelona hanambara fa efa nataony batisa ny "Zanakondrin' Andriamanitra, izay hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao.

11 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny raiko, dia niresaka tamin' ny rahalahiko izy ny momba ny filazantsara izay hotoriana any anivon' ny Jiosy, ary koa ny momba ny "fihemoran' ny Jiosy

ao amin' ny ^btsy finoany. Ary rehefa "novonoiny ny Mesia, izay tokony ho avy, ary taorian' ny namonoana Azy, dia "hitsangana amin' ny maty Izy ary haneho ny tenany amin' ny Jentilisa, amin' ny alàlan' ny "Fanahy Masina.

12 Eny, niresaka betsaka tokoa ny raiko ny momba ny Jentilisa sy ny momba ny mpianakavin' i Isiraely koa, fa ireo dia tokony hampitahaina amin' ny hazo "oliva anankiray izay hotapahina ny rantsany ka ^bhaely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

13 Noho izany, hoy izy, dia tsy maintsy ilaina ny hitondrana antsika miaraka hankany amin' ny "tany nampanantenaina, hahatanteraka ny tenin' ny Tompo, fa isika dia haely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

14 Ary rehefa avy naely patrana ny mpianakavin' i Isiraely dia "hanganina miaraka indray; na, raha fintinina, rehefa avy nandray ny fahafenoan' ny filazantsara ny ^bJentilisa, ny sampa-na voajanaharin' ny hazo "oliva, na ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely, dia hatao grefy, na ho tonga amin' ny fahalalana ny tena Mesia, Tompony sy Mpanavotra azy.

7a 1 Ne. 11:27;
2 Ne. 31:4.
8a Isa. 40:3; Mat. 3:1-3.
9a Jao. 1:28.
b TSM Jaona Mpanao Batisa.
10a TSM Zanakondrin' Andriamanitra.
11a Jakôba 4:14-18.
b Môrm. 5:14.
d TSM Jesoa Kristy; Fanomboana.

e TSM Fitsanganana amin' ny Maty.
f TSM Fanahy Masina.
12a Gen. 49:22-26;
1 Ne. 15:12;
2 Ne. 3:4-5;
Jakôba 5; 6:1-7.
TSM Hazo Oliva;
Tanimbolin' ny Tompo.
b 1 Ne. 22:3-8.
TSM Isiraely—Ny

fampielezana ny Isiraely.
13a 1 Ne. 2:20.
TSM Tany Nampanantenaina.
14a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.
b 1 Ne. 13:42;
F&F 14:10.
d Jakôba 5:8, 52, 54, 60, 68.

15 Ary araka izany fomba fite-ny izany no nentin-draiko naminy sy niresaka tamin' ny rahalahiko, ary zavatra maro hafa koa izay tsy sorataka eto amin' ity boky ity; satria efa nanoratra izay rehetra nilaiko tamin' aho, tao amin' ny "bokiko hafa.

16 Ary ireo zavatra rehetra izay efa nolazaiko ireo dia nitranga raha mbola nonina tanaty lay ny raiko, tao an-dohasahan' i Lemoela.

17 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa nandre ny "tenin-draiko rehetra momba ny zavatra izay hitany tamin' ny ^bfahitana, ary koa ny zavatra izay nolazainy tamin' ny herin' ny Fanahy Masina, izay hery noraisiny noho ny finoana ny Zanak' Andriamanitra—ary ny Zanak' Andriamanitra dia ny "Mesia izay ho avy—izaho Nefia dia naniry koa mba hahita sy handre ary hahalala ny amin' ireo zavatra ireo, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina izay "fanomezan' Andriamanitra ho an' ireo rehetra izay mitady Azy ^famim-pahazo-toana tokoa na tamin' ny andro ^gfahiny izany na amin' ny fotoana izay hanehoany ny tenany amin' ny zanak' olombelona.

18 Fa Izy ilay "tsy miova omaly

sy anio ary mandrakizay; ary efa voaomana ny lalana ho an' ny olona rehetra, hatry ny fanorenana izao tontolo izao, raha toa ka mibebaka izy ary manatona Azy.

19 Fa izay mitady amim-pahazo-toana tokoa no hahita; ary hovelabelarina aminy amin' ny alalan' ny herin' ny "Fanahy Masina ny ^bmistery momba an' Andriamanitra, na amin' izao fotoana ankehitriny izao izany tahaka ny tamin' ny fahagolan-tany, ary na tamin' ny fahagolan-tany izany tahaka ny amin' ny fotoana ho avy; koa ny ^dlalan' ny Tompo dia hodina mandrakizay.

20 Koa tsarovy, ray olona, fa hoentina "hotsaraina ianareo noho ny ataonareo rehetra.

21 Noho izany, raha nikatsaka ny hanao ratsy ianareo tamin' ny andro "fizahan-toetra anareo, dia hita ho ^btsy madio ianareo amin' izany eo anoloan' ny toeram-pitsaran' Andriamanitra; ary ny zavatra tsy madio dia tsy afaka hiara-mitoetra amin' Andriamanitra; koa tsy maintsy roahina hiala mandrakizay ianareo.

22 Ary nanome ahy fahefana ny Fanahy Masina mba hilazako ireo zavatra ireo sy ny tsy hitanako ireo ho ahy samirery.

15a 1 Ne. 1:16–17.

17a Enôsa 1:3;

Almà 36:17.

b 1 Ne. 8:2.

d tsm Mesia.

e tsm Fanahy Masina.

f Môrô. 10:4–5, 7, 19.

g F&F 20:26.

18a Heb. 13:8;

Môrm. 9:9;

F&F 20:12.

tsm Andriamanitra.

19a tsm Fanahy Masina.

b tsm Misterin'

Andriamanitra.

d Almà 7:20;

F&F 3:2; 35:1.

20a Mpito. 12:14;

2 Ne. 9:46.

tsm Fitsarana

Farany, Ny.

21a Almà 34:32–35.

b 2 Tan. 6:9–10;

3 Ne. 27:19;

F&F 76:50–62;

Mos. 6:57.

TOKO 11

Nahita ny Fanahin' ny Tompo i Nefia ary naseho azy amin' ny fahitana ny hazon' aina—Nahita ny renin' ny Zanak' Andriamanitra izy ary nianatra ny momba ny fiambanian' Andriamanitra—Nahita ny fanaovana batisa, ny fampianarana ary ny fanomboana ny Zanakondrin' Andriamanitra izy—Nahita koa ny antso sy ny asa fanompoan' ny Apostoly Roa ambin' ny folon' ny Zanakondry izy. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

Fa ny zava-nitranga, rehefa nam-paniriana aho hahalala ny zavatra izay efa hitan-draiko ary nino fa hain' ny Tompo ny mampahafantatra ahy azy ireny, raha mbola nipetraka “nandinika tao am-poko aho, dia ^bnen-tina tao amin' ny Fanahin' ny Tompo, eny, hankenany an-^atendrombohitra avo izaitsizy, izay tsy mbola hitako na oviana na oviana ary tsy mbola nitsahin' ny tongotro na oviana na oviana teo aloha.

2 Ary hoy ny Fanahy tamiko: Indro, inona no irinao?

3 Dia hoy aho: Maniry hahita ny zavatra izay “hitan-draiko aho.

4 Ary hoy ny Fanahy tamiko: Mino va ianao fa nahita ilay “hazo izay efa noresahin' ny rainao?

5 Dia hoy aho: Eny, ianao

mahalala fa “mino ny tenindraiko rehetra aho.

6 Ary rehefa avy niteny ireo teny ireo aho, dia niantso tamin' ny feo mahery ny Fanahy, nanao hoe: Hosana ho an' ny Tompo, Andriamanitra avo indrindra; fa Andriamanitra manerana ny “tany manontolo Izy, eny, ambonin' ny zava-drehetra. Ary hotahiana ianao ry Nefia, satria ^bmino ny Zanak' Andriamanitra avo indrindra ianao; koa hahita ny zavatra izay efa nirinao ianao.

7 Ary indro izao no zavatra homena anao ho “famantarana, rehefa avy nahita ilay hazo izay namoa ny voa izay nandraman' ny rainao ianao, dia hahita koa lehilahy iray midina avy any andanitra ary ho vavolombelony ianao; ary taorian' ny naha-vavolombelony anao, dia ho ^bvavolombelona manambara ianao fa Izy no Zanak' Andriamanitra.

8 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Fanahy tamiko: Jereo! dia nijery aho ka nahita hazo iray; ary nitovy tamin' ilay “hazo izay efa hitan-draiko izany; ary ny hatsarany dia nihoatra lavitra, eny, nihoatra ny hatsarana rehetra; ary ny ^bhafotsiany dia nihoatra ny hafotsian' ny oram-panala vao nilatsaka.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nijery ilay hazo aho, dia hoy aho tamin' ny Fanahy: Hitako fa efa nasehonao ahy ilay hazo

11 1a F&F 76:19.

TSM Misaintsaina.

b 2 Kor. 12:1-4;

Fan. 21:10; 2 Ne. 4:25;

Mos. 1:1.

d Deot. 10:1; Etera 3:1.

3a 1 Ne. 8:2-34.

4a 1 Ne. 8:10-12;
15:21-22.

5a 1 Ne. 2:16.

6a Eks. 9:29; 2 Ne. 29:7;

3 Ne. 11:14; Mos. 6:44.

b TSM Finoana.

7a TSM Famantarana.

b TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.

8a 1 Ne. 8:10.

b 1 Ne. 8:11.

izay “sarobidy noho ny hafa rehetra.

10 Ary hoy Izy tamiko: Inona no irinao?

11 Ary hoy aho taminy: Ny hahafatatra ny “dikany—satria niresaka taminy toy ny olona miresaka aho; satria nahita aho fa nanana ^bendrik’ olona Izy; na dia izany aza anefa dia fantatro fa Fanahin’ ny Tompo Izy; ary niresaka tamiko Izy toy ny olona iray miresaka amin’ ny iray hafa.

12 Ary ny zava-nitranga dia hoy Izy tamiko: Jereo! Dia nijery aho toy ny hijery Azy, ary tsy nahita Azy; satria efa niala teo anatrehako Izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahatazana ny tanàna lehiben’ i Jerosalema sy ireo tanàna hafa koa. Ary nahatazana ny tanànan’ i Nazareta aho; ary tao an-tanànan’ i “Nazareta aho dia nahatazana ^bvirijiny iray, ary tsara tarehy fatratra tokoa izy sady fotsy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny “lanitra nisokatra aho; ary nidina ny anjely iray ka nijoro teo anoloako; ary hoy izy tamiko: Ry Nefia, inona no tazananao?

15 Ary hoy aho taminy: Virijiny iray izay tsara sy kanto indrindra noho ireo virijiny hafa rehetra.

16 Ary hoy izy tamiko: Moa fantatrao ny momba ny fiambanian’ Andriamanitra?

17 Ary hoy aho taminy: Fantatro fa tia ireo zanany Izy; na dia eo aza izany, dia tsy fantatro ny hevitra ny zava-drehetra.

18 Ary hoy izy tamiko: Indro, ny “virijiny izay hitanao no ^brenin’ ny Zanak’ Andriamanitra, araka ny fomban’ ny nofo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa nentin’ ny “Fanahy izy; ary rehefa avy nentin’ ny Fanahy nandritra ny fotoana fohy izy, dia niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Jereo!

20 Ary nijery aho ka nahatazana indray ilay virijiny, nitroto “zazakely teo an-tanany.

21 Ary hoy ilay anjely tamiko: Indro ny “Zanakondrin’ Andriamanitra, eny, dia ny ^bZanaky ny “Ray Mandrakizay! Fantatrao va ny dikan’ ilay ^chazo izay hitan-drainao?

22 Ary namaly azy aho nanao hoe: Eny, io no “fitiavan’ Andriamanitra izay miely patrana any am-pon’ ny zanak’ olombelona; noho izany dia io no mahatsiriritra indrindra amin’ ny zava-drehetra.

23 Ary niteny tamiko izy, nanao hoe: Eny, ary io no “mampiravoravo indrindra ny fanahy.

24 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia hoy izy tamiko:

9a 1 Ne. 11:22–25.

11a Gen. 40:8.

^b Etera 3:15–16.

13a Mat. 2:23.

^b Lio. 1:26–27;

Almà 7:10.

TSM Maria, Renin’ i Jesoa.

14a Ezek. 1:1; 1 Ne. 1:8.

18a Isa. 7:14;

Lio. 1:34–35.

^b Môsia 3:8.

19a Mat. 1:20.

20a Lio. 2:16.

21a TSM Zanakondrin’ Andriamanitra.

^b TSM Jesoa Kristy.

^d TSM Andriamanitra—Andriamanitra Ray.

^e 1 Ne. 8:10; Almà 5:62.

TSM Hazon’ Aina.

22a TSM Fitiavana.

23a TSM Fifaliana.

Jereo! Ary nijery aho ka nahatazana ny Zanak' Andriamanitra "nandeha teo anivon' ny zanak' olombelona; ary nahita aho fa maro ireo niankohoka teo antongony sy nitsaoka Azy.

25 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa ilay "anja-by izay efa hitan-draiko, dia ny tenin' Andriamanitra, izay nitondra nankamin' ny loharanon' ny ^brano velona, na nankamin' ny ^dhazon' aina; fa ny ranony no sarin' ny fitiavan' Andriamanitra; ary nahita koa aho fa ilay hazon' aina dia sarin' ny fitiavan' Andriamanitra.

26 Dia hoy indray ilay anjely tamiko: Jereo ka tazano ny "fiambanian' Andriamanitra!

27 Dia nijery aho ka "nahita ny Mpanavotra izao tontolo izao izay efa noresahan-draiko; ary nahita ilay ^bmpaminany izay hanomana ny lalana eo alohany koa aho. Ary nandroso ny Zanakondrin' Andriamanitra ka ^dnataony batisa; ary rehefa vita batisa Izy, dia nahita ny lanitra nisokatra aho sy ny Fanahy Masina nidina avy tany an-danitra ary nitoetra teo amboniny nien-drika "voromailala.

28 Ary nahita aho fa nandeha Izy nampianatra ny vahoaka tamin-"kery sy voninahi-dehibe; ary niara-tafavory ny valalabemandry hihaino Azy; ary nahita

aho fa nandroaka Azy avy teo anivony ireo.

29 Ary nahita koa ny "roa ambin' ny folo hafa nanaraka Azy aho. Ary ny zava-nitranga dia nentin' ny Fanahy niala teo imasoko izy ireo ka tsy nahatazana azy ireo aho.

30 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ilay anjely, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny lanitra nisokatra indray ary nahita ireo "anjely nidina teo amin' ny zanak' olombelona; ary izy ireo dia nampianatra azy.

31 Ary niteny tamiko indray izy, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny Zanakondrin' Andriamanitra nandeha teo anivon' ny zanak' olombelona. Ary nahita vahoaka sesehena aho, izay narary ary nampahorian' ny aretina isan-karazany sy ny "devoly ary ny ^bfanahy maloto; ary niresaka sy naneho ireo zavatra rehetra ireo tamiko ny anjely. Ary "nositrarin' ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra ireo; ary noroahina ny devoly sy ny fanahy maloto.

32 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ilay anjely, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny Zanakondrin' Andriamanitra izay nosambrin' ny olona; eny, "notsarain' izao tontolo izao ny Zanak' ilay

24a Lio. 4:14–21.

25a 1 Ne. 8:19.

^b TSM Rano Velona.

^d Gen. 2:9;

Almà 32:40–41;

Mos. 4:28, 31.

26a 1 Ne. 11:16–33.

27a 2 Ne. 25:13.

^b Mat. 11:10;

1 Ne. 10:7–10;

2 Ne. 31:4.

^d TSM Batisa.

^e TSM Voromailala, Endriky Ny.

28a F&F 138:25–26.

29a TSM Apostoly.

30a TSM Anjely.

31a Mar. 5:15–20;

Môsià 3:5–7.

TSM Devoly.

^b TSM Fanahy—Fanahy ratsy.

^d TSM Manasitrana.

32a Mar. 15:17–20.

Andriamanitra maharitra mandrakizay; ary nahita aho sady vavolombelona manambara.

33 Ary izaho Nefia dia nahita fa nahantona teo amin' ny "hazo fijaliana Izy sy ^bnovonoina noho ny fahotan' izao tontolo izao.

34 Ary rehefa avy novonoina Izy, dia nahita ny vahoakan' ny tany aho izay niara-nivory mba hiady amin' ny apostolin' ny Zanakondry; satria izany no niantsoan' ilay anjelin' ny Tompo ny roa ambin' ny folo.

35 Ary tafavory miaraka ny vahoakan' ny tany; ary nahatazana aho fa tao anatin' ny "trano lehibe sy malalaka iray izy, toy ilay trano izay hitandraiko. Dia niteny tamiko indray ilay anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Indro izao tontolo izao sy ny fahendreny; eny, indro fa efa niara-tafavory ny mpianakavin' i Isiraely mba hiady amin' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry.

36 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho ka vavolombelona manambara fa io trano lehibe sy malalaka io no "fieboeboan' izao tontolo izao; ary nianjera izany ka lehibe fatratra tokoa ny fianjerany. Dia niteny tamiko indray ilay anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Ho toy izany no faharavan' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra izay hiady amin' ny apos-

toly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry.

TOKO 12

Nahita ny tany nampanantenaina tamin' ny fahitana i Nefia; ny fahamarinana, ny heloka sy ny faharavan' ny mponina tao; ny fiavian' ny Zanakondrin' Andriamanitra teo anivony; ny fomba hitsaran' ny Mpianatra Roa ambin' ny folo sy ny Apostoly Roa ambin' ny folo an' i Isiraely; ary ny toetra ratsy sy maloton' ireo izay nihemotra tao amin' ny tsy finoana. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia hoy ilay anjely tamiko: Jereo! ary tazano ny taranakao ary koa ny taranaky ny rahalahinao. Ary nijery aho ka nahita ny "tany nampanantenaina; ary nahatazana ny vahoaka sesehena aho, eny, mova tsy ny fasiky ny ranomasina ny hamaroany.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny vahoaka niara-tafavory ho amin' ny ady aho, ny andaniny hanohitra ny ankilany; ary nahita "ady sy tabataban' ady ary fandranganana lehibe tamin' ny sabatra teo anivon' ny oloko aho.

3 Ary ny zava-nitranga dia nahita ireo taranaka maro fongana noho ny ady sy ny fifandirana teo amin' ny tany aho; ary nahi-

33a Jao. 19:16–19;
Môsià 3:9–10;
3 Ne. 27:14.
TSM Hazofijaliana.
b TSM Sorompanavo-

tana.
35a 1 Ne. 8:26; 12:18.
36a TSM Fiavonavonana.
12 1a TSM Tany
Nampanantenaina.

2a Enôsa 1:24;
Môrm. 8:7–8.
TSM Ady.

ta tanàna maro aho, eny, fa tsy nisaiko aza izy ireny.

4 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny “zavon’ ny ^bhaizina tambonin’ ny tany nampanantenaina aho; ary nahita tselatra aho ary nandre kotro-baratra sy horohoron-tany ary ireo karazany rehetra tamin’ ny tabataba nirohondrohona; ary nahita ny tany sy ny vatolampy aho, fa nitresaka ireny; ary nahita tendrombohitra nirodana aho ka montsana; ary nahita ireo lemany ny tany aho, fa nivava ireny; ary nahita tanàn-dehibe maro aho, fa ^dnilentika ireny; ary nahita aho fa maro no nodorana tamin’ ny afo; ary nahita aho fa maro taminy no nianjera tamin’ ny tany noho ny fihorohorony.

5 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ireo zavatra ireo aho, dia nahita ny “zavon’ ny haizina aho, fa nisava tambonin’ ny tany izany; ary indro aho nahita ny valalabemandry izay tsy mba lavo noho ireo famaizana lehibe sy mahatahotry ny Tompo.

6 Ary nahita ny lanitra nisokatra aho sy ny “Zanakondrin’ Andriamanitra nidina avy tany an-danitra; dia nidina Izy ka niseho taminy.

7 Ary izaho koa nahita ka valolombelona manambara fa nilatsaka tamin’ ny “roa ambin’ ny folo hafa ny Fanahy Masina;

ary notendren’ Andriamanitra ireo sy nofinidiny.

8 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Tazano ny mpianatra roa ambin’ ny folon’ ny Zanakondry, izay voafidy hampianatra ny taranakao.

9 Ary hoy izy tamiko: Tadidinao ve ireo “apostoly roa ambin’ ny folon’ ny Zanakondry? Indro, ireo no ^bhitsara ny fokon’ i Isiraely roa ambin’ ny folo; koa hotsarain’ ireo ny mpampianatra roa ambin’ ny folon’ ny taranakao; satria ianareo dia isan’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

10 Ary ireo “mpampianatra roa ambin’ ny folo hitanao ireo no hitsara ny taranakao. Ary indro, marina mandrakizay ireo; fa noho ny finoany ny Zanakondrin’ Andriamanitra dia nofotsiana tamin’ ny rany ny ^bfitafiany.

11 Ary hoy ilay anjely tamiko: Jereo! Ary nijery aho ka nahita “taranaka telo nifanesy tao anatin’ ny fahamarinana; ary fotsy tahaka ny Zanakondrin’ Andriamanitra ny fitafiany. Ary hoy ilay anjely tamiko: Nofotsian’ ny ran’ ny Zanakondry ireo noho ny finoany Azy.

12 Ary izaho Nefia dia nahita koa fa maro tamin’ ny “taranaka fahefatra no nodimandry tao amin’ ny fahamarinana.

13 Ary ny zava-nitranga dia

4a Hel. 14:20–28.

b 1 Ne. 19:10.

d 3 Ne. 8:14.

5a 3 Ne. 8:20; 10:9.

6a 2 Ne. 26:1, 9;

3 Ne. 11:3–17.

7a 3 Ne. 12:1; 19:12–13.

9a Lio. 6:13.

b Mat. 19:28;

F&F 29:12.

tsm Fitsarana

Farany, Ny.

10a 3 Ne. 27:27;

Môrm. 3:18–19.

b Fan. 7:14;

Almà 5:21–27;

13:11–13;

3 Ne. 27:19–20.

11a 2 Ne. 26:9–10;

3 Ne. 27:30–32.

12a Almà 45:10–12;

Hel. 13:5, 9–10;

3 Ne. 27:32;

4 Ne. 1:14–27.

nahita ireo valalabemandrin' ny tany niara-tafavory aho.

14 Ary hoy ilay anjely tamiko: Jereo ny taranakao ary koa ny taranaky ny rahalahinao.

15 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahita ny olon' ny taranako niara-tafavory marobe "hanohitra ny taranaky ny rahalahiko; ary niara-tafavory ireo mba hiady.

16 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Indro ny loharanon' ny "rano maloto izay hitan-drainao; eny, dia ilay ^brenirano izay efa noresahiny; ary ny halaliny dia ny halalin' ny ^dhelo.

17 Ary ny "zavon' ny haizina no fakam-panahin' ny devoly izay ^bmanajamba ny maso sy manamafy ny fon' ny zanak' olombelona ary mitarika azy hankany amin' ny ^dlalana migodàna mba ho faty sy ho very.

18 Ary ilay "trano lehibe sy malalaka, izay hitan-drainao, dia ny ^bhevi-dravina sy ny ^dfieboeboan' ny zanak' olombelona. Ary "tevana iray lehibe sy mahatahotra no manasaraka azy; eny, dia ny tenin' ny ^ffahamarinan' Ilay Andriamanitra Mandrakizay sy ny Mesia dia ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay ny Fanahy Masina no vavolombelona manambara hatry ny fiandohan' izao tontolo izao ka hatramin'

izao fotoana izao ary hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay.

19 Ary raha mbola nilaza ireo teny ireo ilay anjely, dia nahatazana sy nahita aho fa ny taranaky ny rahalahiko dia niady tamin' ny taranako, araka ny tenin' ilay anjely; ary noho ny fieboeboan' ny taranako sy ny "fakam-panahin' ny devoly dia nahatazana aho fa ny taranaky ny rahalahiko dia ^bnandresy ny olon' ny taranako.

20 Ary ny zava-nitranga dia nitazana aho ary nahita ny olon' ny taranaky ny rahalahiko fa efa nandresy ny taranako ireo; ary nandeha tambonin' ny tany tao amin' ny hamaroany ireo.

21 Ary nahita azy ireo niaraniangona betsaka aho; ary nahita "ady sy tabataban' ady teo anivony aho; ary tao anatin' ny ady sy ny tabataban' ady no nahitako ireo taranaka maro nifandimby.

22 Ary hoy ilay anjely tamiko: Indro ireo no "hihemotra ao amin' ny tsy finoana.

23 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa rehefa avy nihemotra tao amin' ny tsy finoana ireo, dia lasa "nihamatroka sy maharikoriko ary ^bolona maloto, feno ^dfahakamoana sy izay karam-pahavetavetana rehetra.

15a Môrm. 6.

16a TSM Fahalotoana.

b 1 Ne. 8:13; 15:26–29.

d TSM Helo.

17a 1 Ne. 8:23; 15:24;

F&F 10:20–32.

b TSM Apôstazia.

d Mat. 7:13–14.

18a 1 Ne. 8:26; 11:35–36.

b Jer. 7:24.

d TSM Fiavonavonana.

e Lio. 16:26;

1 Ne. 15:28–30.

f TSM Fahamarinana.

19a TSM Fakam-panahy.

b Jarôma 1:10;

TiM 1:1–2.

21a Môrm. 8:8;

Môrô. 1:2.

TSM Ady.

22a 1 Ne. 15:13;

2 Ne. 26:15.

23a 2 Ne. 26:33.

b 2 Ne. 5:20–25.

d TSM Midonana-poana.

TOKO 13

Ny nahitan' i Nefia tamin' ny fahitana ny fiangonan' ny devoly niorina teo anivon' ny Jentilisa, ny nahitana sy ny nanjanahana an' i Amerika, ny fahaverezan' ny maro tamin' ireo ampahany tsotra sady sarobidy tamin' ny Baiboly, ny toe-javatra vokatry ny apôstazian' ny Jentilisa, ny famerenana ho amin' ny laoniny ny filazantsara, ny fivoahan' ny soratra masin' ny andro farany, ary ny fanorenana an' i Ziona. Tokony ho 600–592 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Jereo! Dia nijery aho ka nahita firenena sy fanjakana maro.

2 Ary hoy ilay anjely tamiko: Inona no tazanao? Dia hoy aho: Tazako ny firenena sy ny fanjakana maro.

3 Ary hoy izy tamiko: Ireo no firenena sy ny fanjakan' ny Jentilisa.

4 Ary ny zava-nitranga dia nahita teo anivon' ny firenen' ny "Jentilisa aho ny fananganana ny ^bfiangonana lehibe iray.

5 Ary hoy ilay anjely tamiko: Tazano ny fananganana ny fiangonana iray izay maharikoriko indrindra noho ny fiangonana hafa rehetra, izay "mamono ny olomasin' Andriamanitra, eny, ary mampijaly azy sy mamatoatra azy ary manazigao azy amin'

ny ^bzioga vy izy ary mamarina azy any amin' ny fahababoana.

6 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana io fiangonana "makadiry sy maharikoriko io aho; ary nahita aho fa ny ^bdevoly no mpanorina izany.

7 Ary nahita koa aho "volamena sy volafotsy, ary lamba landy sy jaky, ary hariry madinika sy ireo karazana fitafiana sarobidy rehetra; ary nahita vehivavy janga maro aho.

8 Ary niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Indro, ny volamena sy ny volafotsy, ary ny lamba landy sy jaky, ary ny hariry madinika sy ny fitafiana sarobidy, ary ireo vehivavy janga no "fanirian' io fiangonana makadiry sy maharikoriko io.

9 Ary koa ny filany handitra amin' izao tontolo izao no "handringanany ny olomasin' Andriamanitra sy hamarinany azy any amin' ny fahababoana.

10 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahatazana ireo rano maro; ary nanasaraka ny Jentilisa tamin' ny taranaky ny rahalahiko ireo.

11 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay anjely tamiko: Indro mby eo amin' ny taranaky ny rahalahinao ny fahatezeran' Andriamanitra.

12 Ary nijery aho ka nahatazana olona iray teo anivon' ny Jentilisa, izay tafasaraka tamin' ny taranaky ny rahalahiko noho

13 4a TSM Jentilisa.

b 1 Ne. 13:26, 34; 14:3, 9–17.

5a Fan. 17:3–6;

1 Ne. 14:13.

b Jer. 28:10–14.

6a F&F 88:94.

TSM Devoly—Ny fiangonan' ny devoly.

b 1 Ne. 22:22–23.

7a Môrm. 8:36–38.

8a Fan. 18:10–24; Môrm. 8:35–38.

9a Fan. 13:4–7.

ireo rano maro; ary nahita ny “Fanahin’ Andriamanitra aho izay nidina ka niasa tamin’ ilay olona; ary nandeha nitety ireo rano maro izy ka nankany amin’ ny taranaky ny rahalahiko izay nonina tao amin’ ny tany nampanantenaina.

13 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny Fanahin’ Andriamanitra aho fa niasa tao amin’ ireo Jentilisa hafa izany; ary nandeha ireo niala ny fahababoana ka nitety rano maro.

14 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny “vahoaka maro tamin’ ny Jentilisa teo amin’ ny ^btany nampanantenaina aho; ary nahatazana ny fahatezeran’ Andriamanitra aho fa izany dia teo amin’ ny taranaky ny rahalahiko; ary dia “nahahaka teo anoloan’ ny Jentilisa izy sy naringana.

15 Ary nahita ny Fanahin’ ny Tompo nidina teo amin’ ny Jentilisa aho ka dia niroborobo izy sady nahazo ny “tany ho lovany; ary nahatazana aho fa fotsy fihodirana izy, ary tsara tarehy fatratra sady ^bkanto tahaka ny vahoakako talohan’ ny “nandringanana azy.

16 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa ny Jentilisa izay nandeha niala ny fahababoana, dia nanetry ny tenany teo anoloan’ ny Tompo; ary nomba “azy ny herin’ ny Tompo.

17 Ary nahita aho fa ny Jentili-

sa niandohany dia tafangona miaraka tambonin’ ny rano sy tambonin’ ny tany ihany koa mba hiady aminy.

18 Ary nahita aho fa nomba azy ny herin’ Andriamanitra ary koa fa ny fahatezeran’ Andriamanitra dia mby tamin’ ireo rehetra izay niara-tafavory mba hiady aminy.

19 Ary izaho Nefia dia nahita fa ny Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoana dia “nafahan’ ny herin’ Andriamanitra teo am-pelatanan’ ireo firenen-kafa rehetra.

20 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa niroborobo teo amin’ ny tany izy; ary nahatazana “boky iray aho, ary izany dia nentina teo anivony.

21 Ary hoy ilay anjely tamiko: Moa fantatrao ny hevitr’ io boky io?

22 Ary hoy aho taminy: Tsy fantatro.

23 Ary hoy izy: Indro miloaky ny vavan’ ny Jiosy iray izany. Ary izaho Nefia dia nahita izany; ary hoy izy tamiko: Ny “boky izay tazanao dia ny ^brakitsoratra ny “Jiosy, izay mitahiry ny fane-kempihavanan’ ny Tompo, izay efa nataony tamin’ ny mpianakavin’ i Isiraely; ary izany koa dia mitahiry ny ankamaroan’ ny faminanian’ ny mpaminany masina; ary izany dia rakitsoratra mitovy amin’ ny soratra

12a TSM Fitaoman’ ny Fanahy.

14a 2 Ne. 1:11;
Môrm. 5:19–20.

b TSM Tany
Nampanantenaina.
d 1 Ne. 22:7–8.

TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

15a 2 Ne. 10:19.
b 2 Ne. 5:21.
d Môrm. 6:17–22.
16a F&F 101:80.

19a 2 Ne. 10:10–14;
3 Ne. 21:4; Etera 2:12.

20a 1 Ne. 14:23.

23a 1 Ne. 13:38;
2 Ne. 29:4–12.

b TSM Soratra Masina.
d 2 Ne. 3:12.

voasokitra eo amin' ny 'takelabarahina saingy tsy misy firy ireo; kanefa ireo dia mitahiry ny fanekempihavanan' ny Tompo, izay nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely; noho izany dia manan-danja lehibe ho an' ny Jentilisa ireo.

24 Ary hoy ilay anjelin' ny Tompo tamiko: Efa nahita ianao fa niloaka ny vavan' ny Jiosy iray ilay boky; ary rehefa niloaka ny vavan' ny Jiosy iray izany, dia nirakitra ny fahafenoan' ny filazantsaran' ny Tompo, izay ny apostoly roa ambin' ny folo no vavolombelona manambara; ary vavolombelona manambara ireo araka ny fahamarinana izay ao amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

25 Noho izany, ireo zavatra ireo dia mivoaka amin' ny fahadiovany avy any amin' ny "Jiosy mankany amin' ny ^bJentilisa, araka ny fahamarinana izay ao amin' Andriamanitra.

26 Ary taorian' ny nivoahany noho ny fanomezan-tanan' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry avy tany amin' ny Jiosy "mankany amin' ny Jentilisa, dia hitanao ny fananganana io ^bfiangonana iray ^dmakadiry sy maharikoriko io, izay maharikoriko indrindra noho ireo fiangonana hafa rehetra; fa indro, efa 'nesoriny avy tao amin' ny filazantsaran' ny Zanakondry ireo ampahany maro izay ^ftsotra

sady sarobidy indrindra; ary ny maro koa tamin' ireo fanekempihavanan' ny Tompo dia efa nesoriny.

27 Ary izany rehetra izany no efa nataony dia ny mba hahazoany mamily ny lala-mahitsin' ny Tompo, hahazoany manajamba ny maso sy manamafy ny fon' ny zanak' olombelona.

28 Koa hitanao fa rehefa avy nandalo teo am-pelatanan' io fiangonana makadiry sy maharikoriko io ilay boky, dia maro ireo zavatra tsotra sy sarobidy nesorina avy tao anatin' ny boky, dia ny bokin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

29 Ary rehefa avy nesorina ireo zavatra tsotra sy sarobidy ireo dia miely patrana any amin' ny firenen' ny Jentilisa rehetra izany; ary rehefa miely patrana any amin' ny firenena Jentilisa rehetra izany, eny, mitety ireo rano maro aza izay efa hitanao niaraka tamin' ireo Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoa-na, dia hitanao fa—noho ireny zavatra tsotra sy sarobidy maro izay efa nesorina tanatin' ny boky ireny, izay mora ny fahazoan' ny zanak' olombelona azy ireny, araka ny fahazavana izay ao amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra—noho ireny zavatra izay nesorina tamin' ny filazantsaran' ny Zanakondry ireny—dia vahoaka maro izaitsizy tokoa no tafintohina, eny,

23e 1 Ne. 5:10–13.

25a 2 Ne. 29:4–6;

F&F 3:16.

TSM Jiosy.

^b TSM Jentilisa.

26a Mat. 21:43.

^b TSM Apôstazia—

Apôstazian' ny

fiangonana Kristiana

tany am-piandohana.

^d 1 Ne. 13:4–6; 14:3, 9–17.

^e Môrm. 8:33;

Mos. 1:41.

^f 1 Ne. 14:20–26;

Fp. 1:8.

hany ka manan-kery lehibe aminy i Satana.

30 Na dia eo aza izany, dia hitanao fa ny Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoana sy efa nasandratry ny herin' Andriamanitra ho ambonin' ny firenena hafa rehetra, eo ambonin' ny tany izay tsara lavitra noho ireo tany hafa rehetra, izay tany efa nifaneken' ny Tompo Andriamanitra tamin-drainao fa ho azon' ny taranany mba ho ^atany lovany; koa hitanao fa ny Tompo Andriamanitra dia tsy hamela ny Jentilisa hamongotra tanteraka ny ^bfifangaroan' ny taranakao izay eo anivon' ny rahalahinao.

31 Tsy hamela koa Izy ny ^ahandrahan' ny Jentilisa ny taranaky ny rahalahinao.

32 Tsy hamela koa ny Tompo Andriamanitra ny hipetrahan' ny Jentilisa mandrakizay ao amin' io toetra mahatsiravin' ny fahajambana io, izay tazanao fa misy azy, noho ny ampahany tsotra sy tena sarobidy tamin' ny filazantsaran' ny Zanakondry, izay efa notanan' io ^afiangonana maharikoriko io izay efa hitanao ny fananganana azy.

33 Noho izany, dia hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra: Ho feno famindram-po amin' ny Jentilisa Aho, amin' ny famangiana ny sisa tavela amin' ny

mpianakavin' i Isiraely amin' ny famaliana lehibe.

34 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Indro, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra, rehefa avy mamangy ny ^asisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely Aho—ary ny sisa tavela izay teneniko dia ny taranaky ny rainao—koa, rehefa avy mamangy azy amin' ny famaliana Aho ary mikapoka azy amin' ny tanan' ny Jentilisa, ary rehefa ^btafintohina fatratra ny Jentilisa noho ny ampahany tsotra sy sarobidy indrindra tamin' ny ^afilazantsaran' ny Zanakondry, izay efa nesorin' io fiangonana maharikoriko io, izay renin' ny vehivavy janga, hoy ny Zanakondry—dia ho feno famindram-po amin' ny Jentilisa Aho amin' izany andro izany, hany ka noho ny heriko dia ^ahambarako be dia be aminy ny filazantsarako izay ho tsotra sy ho sarobidy, hoy ny Zanakondry.

35 Fa indro, hoy ny Zanakondry: Izaho haneho ny tenako amin' ny taranakao mba hano-ratany ireo zavatra maro izay hampianariko azy, izay ho tsotra sy ho sarobidy; ary rehefa ho fongana ny taranakao ka hihe-motra ao amin' ny tsy finoana, ary torak' izany koa ny taranaky ny rahalahinao, indro, ^ahafenina

30a TSM Tany
Nampanantenaina.

b Almà 45:10–14.

31a 2 Ne. 4:7; 10:18–19;
Jakôba 3:5–9;
Hel. 15:12;
3 Ne. 16:8–9;
Môrm. 5:20–21.

32a TSM Devoly—Ny
fiangonan' ny devoly.

34a TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

b 1 Ne. 14:1–3;
2 Ne. 26:20.

d TSM Filazantsara.

e F&F 10:62.

TSM Famerenana
amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.

35a 2 Ne. 27:6; 29:1–2.
TSM Bokin' i
Môrmôna.

ireo zavatra ireo mba haseho ny Jentilisa, noho ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahefan' ny Zanakondry.

36 Ary ao amin' ireo zavatra ireo no hanoratana ny "filazantsarako sy ny ^bvatolampiko ary ny famonjeko, hoy ny Zanakondry.

37 Ary "hotahiana izay hikatsaka ny hampiorina an' i ^bZionako amin' izany andro izany fa izy no handray ny ^afanomezana sy ny herin' ny Fanahy Masina; ary raha "maharitra hatramin' ny farany izy dia hasandratra amin' ny andro farany ka hovanjena ao amin' ny ^ffanjakan' ny Zanakondry izay maharitra mandrakizay; ary na zovy na zovy no ^shitory ny fiadanana, eny, ny teny soa mahafaly, dia endrey ny hatsarany erỳ an-tendrom-bohitra.

38 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny sisa tavela tamin' ny taranaky ny rahalahiko aho ary koa ny "bokin' ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay efa niloaka ny vavan' ny Jiosy ka nivoaka avy tany amin' ny Jentilisa mba ^bhankany amin' ny sisa tavela amin' ny taranaky ny rahalahiko.

39 Ary nony efa tonga tany amin' izany, dia nahatazana ireo

"boky hafa aho, izay nivoaka noho ny fahefan' ny Zanakondry, avy tany amin' ny Jentilisa hankany aminy, ho ^bandresen-dahatra ny Jentilisa sy ny sisa tavela tamin' ny taranaky ny rahalahiko ary koa ny Jiosy izay naely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany, fa ny rakitsoratra ny mpaminany sy ny an' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry dia "marina.

40 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Ireto "rakitsoratra farany ireto, izay efa tazanao teo anivon' ny Jentilisa, no ^bhampitoetra ny fahamarinan' iretsy "voalohany iretsy izay an' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry ary hampahafantatra ny zavatra tsotra sy sarobidy izay efa nesorina tanatiny; ary hampahafantatra amin' ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra fa ny Zanakondrin' Andriamanitra no Zanaky ny Ray Mandrakizay sy "Mpanonjy izao tontolo izao; ary ny olona rehetra dia tsy maintsy manatona Azy, fa raha tsy izany dia tsy azo vonjena izy.

41 Ary tsy maintsy manatona Azy izy araka ny teny izay haurin' ny vavan' ny Zanakondry; ary ny tenin' ny Zanakondry dia hampahafantarina ao amin' ny

36a 3 Ne. 27:13–21.

^b Hel. 5:12;

3 Ne. 11:38–39.

tsm Vatolampy.

37a F&F 21:9.

^b tsm Ziona.

^d tsm Fanomezana ny Fanahy Masina.

^e 3 Ne. 27:16.

tsm Maharitra.

^f tsm Voninahitra

Selestialy.

^g Isa. 52:7;

Môsîà 15:14–18;

3 Ne. 20:40.

38a 1 Ne. 13:23;

2 Ne. 29:4–6.

^b Môrm. 5:15.

39a tsm Soratra Masina—Faminaniana ny amin' ny hivoahan' ny Soratra Masina.

^b Ezek. 37:15–20;

2 Ne. 3:11–12.

^d 1 Ne. 14:30.

40a 2 Ne. 26:16–17; 29:12.

tsm Bokin' i

Môrmôna.

^b Môrm. 7:8–9.

^d tsm Baiboly.

^e Jereo pejî-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

Mos. 1:6.

rakitsoratra ny taranakao, ary koa ao amin' ny rakitsoratra ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry; noho izany dia hakapoka ho "iray ihany izy roroa; fa ^bAndriamanitra iray ihany no misy, iray ihany ny ^dMpiandry ondry eran' ny tany rehetra.

42 Ary avy ny fotoana izay hanehoany ny tenany amin' ny firenena rehetra na amin' ny ^aJiosy na koa amin' ny Jentilisa; ary rehefa avy naneho ny tenany tamin' ny Jiosy ary koa tamin' ny Jentilisa Izy, amin' izany Izy dia haneho ny tenany amin' ny Jentilisa ary koa amin' ny Jiosy, ary ny ^bfarany ho voalohany, ary ny ^dvoalohany ho farany.

TOKO 14

Nilaza tamin' i Nefia ny fitahiana sy ny ozona hianjady amin' ny Jentilisa ny anjely iray—Tsy misy afa-tsy fiangonana roa: ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra sy ny fiangonana' ny devoly—Nenjehin' ny fiangonana makadiry sy maharikoriko ny Olomasin' Andriamanitra tany amin' ny firenen-drehetra—Hanoratra ny momba ny fiasaran' izao tonto- lo izao ny Apostoly Jaona. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zavatra hitranga, fa raha mihaino ny Zanakondrin' Andriamanitra ny ^aJentilisa amin' ny andro izay hanehoany marina tokoa ny tenany aminy amin' ny teny sy amin-^bkery koa mba hanesorana ny ^dvato fahatafin-tohinany —

2 Ary raha tsy manamafy ny fony hanohitra ny Zanakondrin' Andriamanitra izy, dia horaisina ho isan' ny taranaky ny rainao; eny, horaisina ho ^aisan' ny mpianakavin' i Isiraely izy; ary ho vahoaka ^bvoatahy mandrakizay eo amin' ny tany nampanantenaina izy; tsy havarina intsony any amin' ny fahababoana izy; ary tsy haharoharo intsony ny mpianakavin' i Isiraely.

3 Ary ity ^alavaka lehibe ity, izay ho azy no efa nihadian' ity fiangonana makadiry sy maharikoriko ity izany, izay naorin' ny devoly sy ny zanany mba hahazoany mitarika ny fanahin' ny olona hidina any amin' ny helo —eny, ity lavaka lehibe ity izay efa nihadiana ho famongorana ny olona, dia hofenoin' ireo izay nihady izany mandrapaha-fongana azy ireo tanteraka, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra; tsy famongorana ny fanahy anefa, raha tsy noho ny fanariana azy ireo ao amin' io

41a Ezek. 37:17.

^b Deot. 6:4;

Jaon. 17:21–23;

2 Ne. 31:21.

^d tsm MPIandry
Ondry Tsara.

42a F&F 90:8–9; 107:33;
112:4.

^b Jakôba 5:63.

^d Lio. 13:30;

1 Ne. 15:13–20.

14 1a 3 Ne. 16:6–13.

tsm Jentilisa.

^b 1 Tes. 1:5;

1 Ne. 14:14;

Jakôba 6:2–3.

^d Isa. 57:14;

1 Ne. 13:29, 34;

2 Ne. 26:20.

2a Gal. 3:7, 29;

2 Ne. 10:18–19;

3 Ne. 16:13; 21:6, 22;

Abr. 2:9–11.

^b 2 Ne. 6:12; 10:8–14;

3 Ne. 16:6–7; 20:27.

3a 1 Ne. 22:14;

F&F 109:25.

^bhelo izay tsy manam-pahata-perana io.

4 Fa indro, izany dia araka ny fambaboan' ny devoly ary koa araka ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ireo rehetra izay te hanao ny asan' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana eo anoloany.

5 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izaho Nefia ilay anjely, nanao hoe: Efa nahita ianao fa raha mibebaka ny Jentilisa, dia ho soa ho azy izany; ary fantatrao koa ny momba ny fanekempihavanan' ny Tompo amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary efa nandre koa ianao fa na zovy na zovy no tsy mibebaka dia "tsy maintsy ho faty.

6 Koa, "lozan' ny Jentilisa raha toa ka manamafy ny fony amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra izy.

7 Satria avy ny fotoana, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay hanaovako asa iray lehibe sy "mahatalanjona eo anivon' ny zanak' olombelona; asa iray izay haharitra mandrakizay na ho an' ny andaniny na ho an' ny ankilany—na ho fandresen-dahatra azy ho amin' ny fiadanana sy ny ^bfiainana mandrakizay, na ho famoizana azy ao amin' ny fahamafisan' ny fony sy fahajamban' ny sainy ka hatrany amin' ny famarinana azy ho babo, ary

koa any amin' ny famongorana na ara-batana na ara-panahy, araka ny "fambaboan' ny devoly izay efa noresahiko.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ilay anjely dia nanao tamiko hoe: Moa tsaroanao va ny "fanekempihavanan' ny Ray tamin' ny mpianakavin' i Isiraely? Hoy aho taminy, Eny.

9 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamiko: Jereo ka tazano io fiangonana makadiry sy maharikoriko io, izay renin' ny fahavetavetana, izay ny "devoly no mpanorina izany.

10 Ary hoy izy tamiko: Indro, tsy misy afa-tsy "fiangonana roa; ny anankiray dia ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra ary ny ^banankiray hafa dia ny fiangonan' ny devoly; koa, na zovy na zovy no tsy an' ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra, dia an' io fiangonana makadiry io izay renin' ny fahavetavetana; ary izy no "vehivavy janga amin' ny tany rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ary nahatazana ny vehivavy janga tamin' ny tany rehetra, ary nipetraka teny ambonin' ny "rano maro izy; ary nanana fanapahana nanerana ny tany rehetra teo anivon' ny firenena, ny foko, sy ny samy

3b TSM Fahamelohana;
Helo.

5a TSM Fibebahana.

6a 2 Ne. 28:32.

7a Isa. 29:14; 1 Ne. 22:8;
2 Ne. 27:26; 29:1–2;
F&F 4:1.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.

b TSM Fiainana
Mandrakizay.

d 2 Ne. 2:26–29;
Almà 12:9–11.

8a TSM Fanekempihava-
nan' i Abrahama.

9a 1 Ne. 15:35;
F&F 1:35.

TSM Devoly.

10a 1 Ne. 22:23.

b 1 Ne. 13:4–6, 26.

d Fan. 17:5, 15;

2 Ne. 10:16.

11a Jer. 51:13; Fan. 17:15.

hafa fiteny ary ny mponina rehetra ^bizy.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra aho, ary ny mpikambana tao dia "vitsy noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny vehivavy janga izay nipetraka teo ambonin' ny rano maro; kanefa nahatazana aho fa niely patrana tambonin' ny ^btany rehetra koa ny fiangonan' ny Zanakondry dia ny olomasin' Andriamanitra; ary kely ny fanapahany tambonin' ny tany noho ny faharatsian' ny vehivavy janga lehibe izay efa hitako.

13 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana aho fa ny reny lehiben' ny fahavetavetana dia nanangona miaraka ny valalabemandry tambonin' ny tany rehetra teo anivon' ny firenena Jentilisa rehetra mba "hiady amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

14 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahatazana ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidina tamin' ny olomasin' ny fiangonan' ny Zanakondry sy tamin' ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo izay naely patrana tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany; ary nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana

sy ny "herin' Andriamanitra tamin-boninahitra lehibe.

15 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana aho fa "naidina tamin' io fiangonana makadiiry sy maharikoriko io ny fahatezeran' Andriamanitra, hany ka nisy ady sy tabataban' ady teo anivon' ny ^bfirenena sy ny foko rehetra teto an-tany.

16 Ary rehefa nanomboka nisy "ady sy tabataban' ady teo anivon' ny firenena rehetra izay an' ny renin' ny fahavetavetana, dia niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Indro, mby eo amin' ny renin' ny mpijangajanga ny fahatezeran' Andriamanitra; ary indro, hitanao ireo zavatra rehetra ireo —

17 Ary raha avy ny "andro izay ampidinana ny ^bfahatezeran' Andriamanitra amin' ny renin' ny mpijangajanga, dia ny fiangonana makadiiry sy maharikoriko amin' ny tany rehetra, izay ny devoly no mpanorina azy, dia amin' izay andro izay no hanomboka ny ^aasan' ny Ray amin' ny fanomanana ny lalana ho fanatanterahina ny "fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny vahoakany izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

18 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Jereo!

19 Ary nijery aho ka nahata-

11b F&F 35:11.

12a Mat. 7:14;

3 Ne. 14:14;

F&F 138:26.

b F&F 90:11.

13a Fan. 17:1–6; 18:24;

1 Ne. 13:5;

F&F 123:7–8.

14a Jakôba 6:2;

F&F 38:32–38.

15a F&F 1:13–14.

b Mar. 13:8;

F&F 87:6.

16a 1 Ne. 22:13–14;

Môrm. 8:30.

17a TSM Andro Farany.

b 1 Ne. 22:15–16.

d 3 Ne. 21:7, 20–29.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

e Môrm. 8:21, 41.

TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

zana lehilahy iray, ary nanao akanjo fotsy izy.

20 Ary hoy ny anjely tamiko: Indro ny “iray amin’ ny apostoly roa ambin’ ny folon’ ny Zanakondry.

21 Indro, hahita izy ary hanoratra ny sisa amin’ ireo zavatra ireo; eny, ary koa zavatra maro izay efa nisy.

22 Ary hanoratra koa izy ny momba ny fiafaran’ izao tontolo izao.

23 Koa ny zavatra izay hosoratan’ dia mahitsy sy marina; ary indro voasoratra ao anatin’ ny “boky izay hitanao fa niloaka ny vavan’ ny Jiosy ireo; ary tamin’ ny fotoana nivoahan’ ireo ny vavan’ ny Jiosy na tamin’ ny fotoana nivoahan’ ny boky ny vavan’ ny Jiosy, ny zavatra izay voasoratra dia tsotra sy madio ary ^bsarobidy indrindra sy mora azo ho an’ ny olon-drehetra.

24 Ary indro, ny zavatra izay hosoratan’ ilay “apostolin’ ny Zanakondry, dia zavatra maro izay efa hitanao; ary indro ho hitanao ny sisa.

25 Nefa ny zavatra izay ho hitanao manaraka izao kosa dia tsy hosoratan’; satria ny Tompo Andriamanitra dia efa nanendry ny apostolin’ ny Zanakondrin’ Andriamanitra mba “hanoratra ireny.

26 Ary koa ny hafa izay efa lasana, tamin’ izy ireny no efa nanehoany ny zava-drehetra ary

izy ireny no efa nanoratra izany; ary efa “nofehezina izany mba hivoaka amin’ ny fahadiovany araka ny fahamarinana izay ao amin’ ny Zanakondry, amin’ ny fotoana efa voatendrin’ ny Tompo eo amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

27 Ary izaho Nefia dia nandre sy vavolombelona manambara fa ny anaran’ ilay apostolin’ ny Zanakondry, dia i “Jaona araka ny tenin’ ilay anjely.

28 Ary indro voarara izaho Nefia tsy hanoratra ny sisa amin’ ny zavatra izay hitako sy reko; koa ny zavatra izay efa nosoratako dia ampy ho ahy; ary tsy nanoratra afa-tsy ampahany kely tamin’ ny zavatra izay efa hitako aho.

29 Ary vavolombelona manambara aho fa nahita ny zavatra izay hitan-“draiko, ary ny anjelin’ ny Tompo no nampahafan’ fatra ahy izany.

30 Ary ankehitriny dia faranako ny filazako momba ny zavatra izay hitako raha mbola nentina tao amin’ ny fanahy aho; ka raha tsy voasoratra avokoa ny zavatra hitako, ny zavatra izay efa nosoratako kosa dia “marina. Ary dia toy izany no izy. Amena.

TOKO 15

Handray ny filazantsara avy amin’ ny Jentilisa ny taranak’ i Lehia

20a Fan. 1:1–3;
1 Ne. 14:27.
23a 1 Ne. 13:20–24;
Môrm. 8:33.
b 1 Ne. 13:28–32.

24a Etera 4:16.
25a Jao. 20:30–31;
Fan. 1:19.
26a 2 Ne. 27:6–23;
Etera 3:21–27; 4:4–7;

F&F 35:18;
JS—T 1:65.
27a Fan. 1:1–3.
29a 1 Ne. 8.
30a 2 Ne. 33:10–14.

amin' ny andro farany—Ampitoviana amin' ny hazo oliva iray izay hanaovana grefy indray ny tena sampany, ny fanangonana an' i Isiraely—Nanazava ny fahitana momba ny hazon' aina i Nefia sy niteny momba ny fahamarinan' Andriamanitra tamin' ny nanasarahany ny olon-dratsy tamin' ny olo-marina. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, izaho Nefia rehefa avy nentina tao amin' ny fanahy sy nahita ireo zavatra rehetra ireo, dia niverina tao amin' ny lain-draiko.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny rahalahiko aho, ary niady hevitra izy ireo ny momba ny zavatra izay efa nolazain-draiko azy ireo.

3 Fa noresahiny marina tokoa taminy ireo zava-dehibe maro izay sarotra "takarina raha tsy manadina ny Tompo ny olona; ary noho ny hamafin' ny fony dia tsy niandrandra ny Tompo izy ireo araka ny tokony ho nataony.

4 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia nalahelo noho ny hamafin' ny fony ary koa noho ny zavatra izay efa hitako ka nahafantarako fa tsy azo sorohina ny tsy maintsy hitrangany noho ny faharatsian-toetra lehiben' ny zanak' olombelona.

5 Ary ny zava-nitranga dia ankona aho noho ny fahoriako,

satria noheveriko fa ny "fahoria-ko dia lehibe indrindra noho ny ^bfandringanana ny oloko, satria efa nahita ny famongorana azy aho.

6 Ary ny zava-nitranga rehefa nahazo "hery aho dia niresaka tamin' ny rahalahiko naniry ny hahafantatra avy taminy ny anton' ny fifandirany.

7 Ary hoy ireo: Indro, tsy mety azonay ny teny izay efa nolazain' ny raintsika momba ny sampana voajanaharin' ny hazo oliva ary koa ny momba ny Jentilisa.

8 Ary hoy aho taminy: Efa "nanadina ny Tompo va ianareo?

9 Ary hoy ireo tamiko: Tsy nanao izany izahay; satria tsy mampahafantatra anay ny zavatra toy izany ny Tompo.

10 Indro, hoy aho taminy: Nahoana ianareo no tsy mitandrana ny didin' ny Tompo? Nahoana no te ho faty ianareo noho ny "hamafin' ny fonareo?

11 Moa tsy tsaroanareo va ny zavatra izay efa nolazain' ny Tompo?—Raha tsy manamafy ny fonareo ianareo ary "mangataka Amiko amin' ny finoana, sady matoky fa hahazo izany, no mazoto amin' ny fankatoavana ny didiko, dia hampahafantarina anareo marimarina tokoa ireo zavatra ireo.

12 Indro, lazaiko anareo fa ny mpianakavin' i Isiraely dia nampitahain' ny Fanahin' ny Tompo, izay tao amin-draintsika, tamin'

15 3a 2 Tan. 2:10–12;
Almà 12:9–11.

5a tsm Fahoriana.
b Enôsa 1:13;
Môrm. 6:1.

6a Mos. 1:10;
JS—T 1:20, 48.
8a Môsià 26:13;
Almà 40:3.
tsm Vavaka.

10a tsm Apôstazia.
11a Jakoba 1:5–6;
Enôsa 1:15;
Môrô. 7:26; F&F 18:18.
tsm Mangataka.

ny hazo oliva; ary indro, moa va isika tsy tapahina hiala amin' ny mpianakavin' i Isiraely, ary moa va isika tsy "sampana iray amin' ny mpianakavin' i Isiraely?

13 Ary ankehitriny ny zavatra izay tian' ny raintsika holazaina amin' ny fanaovana grefy ny sampana voajanahary amin' ny alalan' ny fahafenoan' ny Jentilisa dia izao: Amin' ny andro farany rehefa "hihemotra ao amin' ny tsy finoana ny taranatsika, eny, mandritra ny taona maro sy ny taranaka maro any aorian' ny hanehoan' ny ^bMesia ny tenany amin' ny zanak' olombelona, amin' izany ny fahafenoan' ny ^dfilazantsaran' ny Mesia dia ho tonga any amin' ny Jentilisa, ary avy any amin' ny ^eJentilisa dia hankany amin' ny sisa tavela amin' ny taranatsika —

14 Ary amin' izay andro izay ny sisa tavela amin' ny "taranatsika dia hahalala fa anisan' ny mpianakavin' i Isiraely izy, ary izy dia ^bvahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo; ary amin' izay dia ho fantany sady ho tonga amin' ny ^dfahalalana ny razany izy ary koa amin' ny fahalalana ny filazantsaran' ny Mpanavotra azy, izay nampianariny ny razany; koa ho tonga amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy izy sy amin' ny fahalalana ny antsipiriany marina amin' ny fo-

topampianarany ka hahafantarany ny fomba hanatonana Azy mba ho voavonjy.

15 Ary amin' izany, amin' izay andro izay, moa va tsy hiravoravo izy ka hanolotra fiderana an' Andriamaniny maharitra mandrakizay, ny "vatolampiny sy ny famonjena azy? Eny, amin' izay andro izay, moa va tsy hahazo hery sy famelomana avy amin' ilay tena ^bvoaloboka izy? Eny, moa va tsy ho tonga ao amin' ilay tena valan' Andriamanitra izy?

16 Indro lazaiko aminareo, Eny; hotsarovana indray eo anivon' ny mpianakavin' i Isiraely izy; ary noho izy tena sampan' ny hazo oliva dia hatao "grefy amin' ilay tena hazo oliva izy.

17 Ary izay no tian-draintsika holazaina; ary ny tiany holazaina dia tsy hitranga izany raha tsy aorian' ny hanaparitahan' ny Jentilisa azy; ary ny tiany holazaina dia ho tonga izany amin' ny alalan' ny Jentilisa, hahazoan' ny Tompo maneho ny heriny amin' ny Jentilisa, satria ny tena antony dia "hotsipahin' ny Jiosy na ny mpianakavin' i Isiraely Izy.

18 Koa ny raintsika dia tsy niresaka ny amin' ny taranatsika fotsiny fa ny amin' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra koa, nandro ny fanekempihavanana izay hotanterahina amin' ny

12a Gen. 49:22–26;
1 Ne. 10:12–14; 19:24.
TSM Lehia, Rain' i Nefia.
13a 1 Ne. 12:22–23;
2 Ne. 26:15.
b TSM Mesia.
d TSM Filazantsara.

e 1 Ne. 13:42; 22:5–10;
F&F 14:10.
TSM Jentilisa.
14a 2 Ne. 10:2;
3 Ne. 5:21–26; 21:4–7.
b TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.
d 2 Ne. 3:12; 30:5;

Môrm. 7:1, 9–10;
F&F 3:16–20. Jereo pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.
15a TSM Vatolampy.
b Gen. 49:11; Jao. 15:1.
16a Jakôba 5:60–68.
17a TSM Fanomboana.

andro farany; dia ilay fanekem-pihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama raintsika, manao hoe: Amin' ny "taranakao no hitahiana ny foko rehetra ambonin' ny tany.

19 Ary ny zava-nitranga, iza-ho Nefia dia niresaka betsaka taminy ny momba ireo zavatra ireo; eny, noresahiko taminy ny momba ny "fampodiana ny Jiosy amin' ny andro farany.

20 Ary dia naveriko taminy ny teny nataon' i "Isaia, izay niresaka momba ny fampodiana ny Jiosy, na ny mpianakavin' i Isiraely; ary rehefa tafody izy dia tsy haharoharo intsony sady tsy haely patrana intsony. Ary ny zava-nitranga dia nanao teny maro tamin' ny rahalahiko aho, ka dia nitony izy ireo sy ^bnanetry tena teo anoloan' ny Tompo.

21 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray izy ireo, nanao hoe: Inona no hevitr' ilay zavatra izay hitan-draintsika tamin' ny nofy? Inona no hevitr' ilay "hazo izay hitany?

22 Ary hoy aho taminy: Izany no sarin' ny "hazon' aina.

23 Ary hoy ireo tamiko: Inona no hevitr' ilay "anja-by izay hitan-draintsika ka nitondra nankeo amin' ny hazo?

24 Ary dia nolazaiko azy ireo

fa izany no "tenin' Andriamanitra; ary na zovy na zovy no hihaino ny tenin' Andriamanitra sy te ^bhihazona izany mafy, dia tsy ho faty na oviana na oviana izy; ny "fakam-panahy sy ny ^czana-tsipika mirehitry ny ^ffahavalalo dia tsy afaka hampanaiky azy koa ho amin' ny fahajambana ka hitarika azy any amin' ny famongorana.

25 Koa, izaho Nefia dia nandrisika azy ireo "hampandry sofina amin' ny tenin' ny Tompo; eny, nandrisika azy ireo tamin' ny hery manontolon' ny fanahiko aho sy tamin' ny saina rehetra izay nananako mba hampan-driany sofina amin' ny tenin' Andriamanitra sy hahatsiarovany ny hitandrana mandrakariva ny didiny amin' ny zavatra rehetra.

26 Ary hoy ireo tamiko: Inona no hevitr' ilay "renirano hitan-draintsika?

27 Ary nolazaiko azy ireo fa ny "rano izay hitan-draiko dia ny ^bfahalotoana; ary revon-javatra hafa be loatra ny sainy ka tsy nahatazana ny fahalotoan' ny rano izy.

28 Ary nolazaiko azy ireo fa "hantsana mahatsiravina izany, izay nanasaraka ny ratsy fanahy tamin' ny hazon' aina ary koa

18a Gen. 12:1–3;
Abr. 2:6–11.

19a 1 Ne. 19:15.
tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

20a 1 Ne. 19:23.
b 1 Ne. 16:5, 24, 39.

21a 1 Ne. 8:10–12.

22a 1 Ne. 11:4, 25;

Mos. 3:9.

23a 1 Ne. 8:19–24.

24a tsm Tenin' Andriamanitra.

b 1 Ne. 8:30;

2 Ne. 31:20.

d 1 Ne. 8:23.

tsm Fakam-panahy.

e Ef. 6:16;

F&F 3:8; 27:17.

f tsm Devoly.

25a F&F 11:2; 32:4;
84:43–44.

26a 1 Ne. 8:13.

27a 1 Ne. 12:16.

b tsm Fahalotoana.

28a Lio. 16:26;
1 Ne. 12:18;

2 Ne. 1:13.

tamin' ny olomasin' Andriamanitra.

29 Ary nolazaiko azy ireo fa izany no sarin' ilay "helo mahatsiravina izay nolazain' ny anjely tamiko fa efa voaomana ho an' ny ratsy fanahy.

30 Ary nolazaiko azy ireo fa ny rainay koa dia nahita fa ny "fahamarinan' Andriamanitra dia nanasaraka ny olon-dratsy tamin' ny olo-marina; ary ny famirapiratan' ny nitovy tamin' ny famirapiratan' ny afo mirehitra izay miakatra manka-ny amin' Andriamanitra mandrakizay mandrakizay ary tsy manam-pahataperana.

31 Ary hoy ireo tamiko: Moa ve izany zavatra izany midika ho fampijaliana ny vatana mandritra ny andron' ny "fisedrana, sa midika ho ny toetra faran' ny fanahy aorian' ny ^bfahafatesan' ny vatana ara-nofo, sa izany miresaka ny momba ny zavatra izay ara-nofo?

32 Ary ny zava-nitranga dia nolazaiko azy ireo fa izany dia sarin' ny zavatra sady ara-nofo no ara-panahy; satria ho avy ny andro izay tsy maintsy hitsarana azy ireo araka ny "asany eny dia ny asa izay nataon' ny vatana ara-nofo nandritra ny andron' ny fizahan-toetra azy ireo.

33 Koa raha ho "faty ao amin' ny faharatsiany izy ireo, dia tsy

maintsy ^bholavina koa izy ireo raha ny amin' ny zavatra izay ara-panahy, izay mikasika ny fahamarinana; koa tsy maintsy hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra izy ireo, mba "hotsaraina araka ny "asany; ary raha fahalotoana ny asany dia tsy maintsy ilaina ho ^fmaloto izy ireo; ary raha maloto izy ireo, dia tsy maintsy ilaina ny tsy hahafahany ^smitoetra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra, fa raha izany dia tsy maintsy maloto koa ny fanjakan' Andriamanitra.

34 Nefa indro lazaiko amina-reo fa "tsy maloto ny fanjakan' Andriamanitra, ary tsy afaka miditra ny fanjakan' Andriamanitra rehefa mety ho zavatra tsy madio; koa tsy maintsy ilaina ny hisian' ny toeran' ny fahalotoana voaomana ho an' izay maloto.

35 Ary misy ny toerana iray efa voaomana, eny, dia ilay "helo mahatsiravina izay efa noresahiko, ary ny ^bdevoly no mpanomana izany; koa ny toetra faran' ny fanahin' ny olona dia ny hitoetra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra na ny hariana any ivelany noho ilay ^dfahamarinana izay efa noresahiko.

36 Koa roahina ny olon-dratsy hiala ny olo-marina ary koa hiala ilay "hazon' aina izay tena sarobidy ny voany sady tena

29a TSM Helo.

30a TSM Fahamarinana.

31a Almà 12:24; 42:10;
Hel. 13:38.

b Almà 40:6, 11–14.

32a TSM Asa.

33a Môsià 15:26;
Môrô. 10:26.

b Almà 12:12–16; 40:26.

d TSM Fitsarana

Farany, Ny.

e 3 Ne. 27:23–27.

f 2 Ne. 9:16; F&F 88:35.

g Sal. 15:1–5; 24:3–4;

Almà 11:37;
F&F 76:50–70;

Mos. 6:57.

34a TSM Fahalotoana.

35a 2 Ne. 9:19;

Môsià 26:27.

TSM Helo.

b 1 Ne. 14:9; F&F 1:35.

d TSM Fahamarinana.

36a Gen. 2:9; 2 Ne. 2:15.

^bmahatsiriritra indrindra noho ny voankazo hafa rehetra; eny, izany no ^dlehibe indrindra amin' ny ^efanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra. Ary dia toy izany no nolazaiko ny rahalahiko. Amena.

TOKO 16

Ny mahasarotra ny fandraisan' ny olon-dratsy ny fahamarinana — Nanambady ny zanakavavin' i Ismaela ny zanakalahin' i Lehia — Nitrika ny diany tany an-tany foana ny Liahônà — Nosoratana ombieny ombieny teo amin' ny Liahônà ny hafatra avy tamin' ny Tompo — Maty Ismaela; nimonomona ny ankohonany noho ny fahoriany. Tokony ho 600–592 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia rehefa avy namarana ny firesahana tamin' ny rahalahiko, dia indro hoy ireo tamiko: Efa nilaza zavatra henjana taminay ianao mihoatra noho izay hainay zakaina.

2 Ary ny zava-nitranga dia nolazaiko azy ireo fa fantatro fa efa niteny zavatra henjana nanohitra ny olon-dratsy aho araka ny fahamarinana; ary ny olo-marina dia efa nohamariniako sy nambarako fa hasandra-tra amin' ny andro farany; koa

sarotra ho an' ny ^a“olo-meloka ny mandray ny ^bfahamarinana, satria ^c“manatrobaka azy hatrany anatiny izany.

3 Ary ankehitriny ry rahalahiko, raha marina ianareo ary te hihaino ny fahamarinana sy hitandrana izany mba hahazoanareo ^a“mandeha amin' ny fahitsiana eo anoloan' Andriamanitra, dia tsy himonomonona noho ny fahamarinana ianareo amin' izany ka hiteny hoe: Miteny zavatra henjana mamely anay ianao.

4 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nandrisika ny rahalahiko tamin' ny fahazotoana rehetra mba hitandrana ny didin' ny Tompo.

5 Ary ny zava-nitranga dia ^a“nanetry tena teo anoloan' ny Tompo izy ireo; hany ka nahazo fifaliana sy fanantenana lehibe ny aminy aho fa handeha amin' ny lalan' ny fahamarinana izy ireo.

6 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo dia nolazaina sy nitranga raha nonina tao an-day ny raiko tao an-dohasaha izay nantsoiny hoe Lemoela.

7 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nampakatra ny anankiray tamin' ny ^a“zanakavavin' i Ismaela ho ^bvady; ary nampakatra ny zanakavavin' i Ismaela ho vadiny koa ny rahalahiko; ary

36b 1 Ne. 8:10–12;
Almà 32:42.

d F&F 6:13.

e F&F 14:7.
TSM Fiainana
Mandrakizay.

16 2a Jao. 3:20;
2 Ne. 33:5;

Enôsa 1:23;

Hel. 14:10.

TSM Heloka.

b Ohab. 15:10;
2 Ne. 1:26; 9:40;
Hel. 13:24–26.

d Asa 5:33;
Môsià 13:7.

3a F&F 5:21.

TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

5a 1 Ne. 16:24, 39; 18:4.

7a 1 Ne. 7:1.

b TSM Fanambadiana.

nampakatra ny vavimatoan' i Ismaela ho vadiny koa i ^dZôrama.

8 Ary dia toy izany no nahatan-terahan-draiko avokoa ny didin' ny Tompo izay efa nomena azy. Ary izaho Nefia koa dia efa notahian' ny Tompo fatratra tokoa.

9 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin-draiko ny feon' ny Tompo nony alina sy nandidy azy hizoran' ny diany mankany an-tany foana ny ampitso.

10 Ary ny zava-nitranga raha nifoha ny raiko ny maraina sy nandeha hivoaka ny tokonan' ny lay, dia hagagana lehibe ny azy nahatazana teo amin' ny tany "bola boribory iray izay araka ny fahaizana asa kanto; ary izany dia vita tamin' ny varahina tsy misy fangarony. Ary nisy sahaza roa tanatin' ny bola; ary ny iray nanondro ny lalana izay tokony hizoranay mankany an-tany foana.

11 Ary ny zava-nitranga dia nangoninay miaraka avokoa ny zavatra tokony hoentinay mankany an-tany foana sy ny ambiny rehetra tamin' ny vatsinay izay efa nomen' ny Tompo anay; ary nakanay ny voa isan-karazany izay azonay entina mankany an-tany foana.

12 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny lainay ary lasana tany an-tany foana izahay, niam-pita ny reniranon' i Lamàna.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nandritra ny hefarana izahay nizotra saiky nianatsimo-atsimo atsinanana ary na-

tsanganay indray ny lainay; ary nantsoinay hoe Sazera ny anaran' ny toerana.

14 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny tsipikanay sy ny zana-tsipikanay ary lasana tany an-tany foana izahay hiremby hanina ho an' ny ankohonanay; ary rehefa avy niremby hanina ho an' ny ankohonanay izahay dia niverina indray tany amin' ny ankohonanay tany an-tany foana, tany amin' ilay toerana nantsoina hoe Sazera. Ary izahay dia nandeha indray tany an-tany foana, nanaraka araka ny lalana teo ihany, nandia ny fari-try ny tany foana lonaka indrin-dra, izay tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny "Ranomiasina Mena.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nandritra ny andro maro izahay, niremby hanina teny an-dalana tamin' ny tsipikanay sy ny zana-tsipikanay ary ny vatonay sy antsamota-dinay.

16 Ary izahay dia nanaraka ny "torolalan' ny bola, izay nitondra anay tany amin' ny faritra lonaka indrindra tamin' ny tany foana.

17 Ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia natsanganay ny lainay nandritra ny fotoana fohy mba hahazoanay miala sasatra indray sy mitady hanina ho an' ny ankohonanay.

18 Ary ny zava-nitranga rehefa nandeha hiremby hanina izaho Nefia dia nahatapaka ny

7d 1 Ne. 4:35;
2 Ne. 5:5-6.
10a Almà 37:38-46.

TSM Liahôna.
14a F&F 17:1.
16a 1 Ne. 16:10, 16, 26;

18:12;
Almà 37:38-46.

tsipikako izay vita tamin' ny "tsy tsy misy fangarony; ary nony efa nahatapaka ny tsipikako aho, dia indro, tezitra tamiko ny rahalahiko noho ny famoizana ny tsipikako, satria tsy nahazo remby izahay.

19 Ary ny zava-nitranga dia tsy nahita hanina izahay raha niverina tany amin' ny ankohonanay izay reraka fatratra noho ny diany ka nijaly tokoa noho ny filany hanina.

20 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nimonomonona izaitsizy tokoa i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela noho ny fijaliany sy ny fahoriany tany an-tany foana; ary nanomboka nimonomonona tamin' ny Tompo Andriamany koa ny raiko; eny, ary feno halahelo izaitsizy tokoa izy rehetra hany ka nimonomonona tamin' ny Tompo.

21 Ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa niaranijaly tamin' ny rahalahiko noho ny fahaverezan' ny tsipikako, ary satria efa very ny vimiaina tamin' ny tsipikany, dia nanomboka ho nanano-sarotra fatratra tokoa ny fihazana, eny, ka dia tsy nety nahazo hanina izahay.

22 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia niteny betsaka tamin' ny rahalahiko, satria efa nana-mafy ny fony indray izy ireo, na dia hatrany amin' ny "faniniana ny Tompo Andriamaniny aza.

23 Ary ny zava-nitranga, izaho

Nefia dia nanao tsipika tamin' ny hazo sy zana-tsipika tamin' ny tapakazo mahitsy; noho izany aho dia nampirongo tsipika sy zana-tsipika ary antsamotady sy vato ny tenako. Ary hoy aho tamin-"draiko: Aiza no halehako hahazoana hanina?

24 Ary ny zava-nitranga dia "nanadina ny Tompo izy, satria efa nanetry tena izy ireo noho ny teniko; fa izaho dia nilaza zavatra maro tamin' izy ireo tamin' ny herin' ny fanahiko.

25 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin-draiko ny feon' ny Tompo; ary "voalevilevy marina tokoa izy noho ny fimonomonomany tamin' ny Tompo, hany ka nentina nidina tany amin' ny halalin' ny alahelo izy.

26 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny feon' ny Tompo taminy: Jereo eo amin' ny bola ary zahao ny zavatra izay voasoratra.

27 Ary ny zava-nitranga nony nizaha ny zavatra izay voasoratra teo amin' ny bola ny raiko, dia raiki-tahotra sy tora-kovitra fatratra tokoa izy ary koa ny rahalahiko sy ny zanakalahin' i Ismaela ary ny vadinay.

28 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa ireo sahaza izay tanatin' ny bola dia nihetsika arakaraka ny "finoana sy ny faharisihana ary ny fitandremana nasehonay azy ireo.

29 Ary nisy koa voasoratra teo amin' ireo, soratra vaovao iray izay mora vakiana; izay nanome

18a 2 Sam. 22:35.

22a Eks. 16:8; Nom. 11:1.

23a Eks. 20:12;

Môsià 13:20.

24a TSM Vavaka.

25a Etera 2:14.

TSM Famaizana.

28a Almà 37:40.

TSM Finoana.

anay ny "fahatakarana ny mom-ba ny lalan' ny Tompo; ary no-soratana sy niovaova ombieny ombieny izany arakaraka ny fi-noana sy ny faharisihana nase-honay izany. Ary dia toy izany no ahitantsika fa afaka mana-tanteraka zava-dehibe amin' ny alalan' ny zava-^bmadinika ny Tompo.

30 Ary ny zava-nitranga, iza-ho Nefia dia nandeha niakatra teo an-tampon-tendrombohitra araka ny torolalana izay nomena teo amin' ny bola.

31 Ary ny zava-nitranga dia nahafaty bibidia aho ka nahazo hanina ho an' ny ankohonanay.

32 Ary ny zava-nitranga, dia ni-verina tany amin' ny lainay aho, nitondra ny biby izay efa novonoiko; ary ankehitriny, nony nahita izy ireo fa efa nahazo hanina aho dia akory ny halehiben' ny fifaliany! Ary ny zava-nitranga dia nanetry tena teo anatrehan' ny Tompo izy ireo sy nanolotra fisaorana ho Azy.

33 Ary ny zava-nitranga dia nizotra indray ny dianay, saiky nanaraka ny dia teo am-piandohana ihany; ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia nanangana ny lainay indray mba hahazoanay mitoe-tra mandritra ny fotoana fohy.

34 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i "Ismaela ary nalevina teo amin' ny toerana izay nantsoina hoe Nahôma.

35 Ary ny zava-nitranga dia

nitomany izaitsizy tokoa ny zanakavavin' i Ismaela noho ny famoizana an-drainy, sy noho ny "fijaliany tany an-tany foana; ary ireo dia nimonomonona ny tamin-draiko noho ny nitondrany azy ireo niala ny tanin' i Jerosalema, nanao hoe: Efa maty ny rainay; eny, ary efa nirenireny fatratra tatỳ an-tany foana izahay sy efa niaritra fahoriana, hanoanana, hetaheta ary havizanana betsaka; ary rehefa izany fijaliana rehetra izany, dia tsy maintsy ho faty atỳ an-tany foana izahay noho ny hanoanana.

36 Ary dia toy izany no nimonomononany tamin-draiko sy tamiko koa; ary naniry ny hiverina indray any Jerosalema izy ireo.

37 Ary hoy i Lamàna tamin' i Lemoela ary koa tamin' ny zanakalahin' i Ismaela: Indro, andeha "hovonointsika ny rain-tsika ary koa i Nefia rahalahan-tsika izay nanao ny tenany ho ^bmpanapaka sy mpampianatra antsika izay zokiny.

38 Ankehitriny dia milaza izy fa efa niresaka taminy ny Tompo ary koa efa nampianatra azy ny "anjely. Nefa indro fantatsika fa mandainga amintsika izy; ary milaza ireo zavatra ireo amintsika izy sy mamita zavatra maro noho ny fahaizany mametsifetsy mba hahazoany mamitaka ny masontsika noho ny fiheverany angamba fa azony entina mankany an-tany foana hafahafa

29a TSM Fahatakarana.
b 2 Mpan. 5:13; Jakoba
3:4; Almà 37:6-7, 41;
F&F 123:16.

34a 1 Ne. 7:2-6.
35a TSM Fahoriana.
37a 1 Ne. 17:44.
TSM Famonoan' Olona.

b Gen. 37:9-11;
1 Ne. 2:22; 18:10.
38a 1 Ne. 3:30-31; 4:3.

isika; ary rehefa tongany any isika dia mihevitra izy ny hanao ny tenany ho mpanjaka sy ho mpanapaka amintsika mba hahazoany mitondra antsika araka ny sitrapony sy ny nahim-pony. Ary dia toy izany no fomba nentin' i Lamàna rahalahiko namoky ny fon' ireo ho tezitra.

39 Ary ny zava-nitranga dia nomba anay ny Tompo, eny, na ny feon' ny Tompo aza dia tonga sy nilaza teny maro tamin' izy ireo sy "nandevilevy azy ireo fatratra tokoa; ary rehefa avy nolevileven' ny feon' ny Tompo izy ireo dia nitony ny fahatezerany, ary nibebaka tamin' ny fahotany izy ireo, hany ka notahian' ny Tompo tamin' ny hanina indray izahay, mba tsy ho faty.

TOKO 17

Nodidina i Nefia hanamboatra sambo iray—Nanohitra azy ny rahalahiny—Namporisihany izy ireo tamin' ny famohazana ny tantaran' ny fitondran' Andriamanitra an' i Israely—Nanenika an' i Nefia ny herin' Andriamanitra—Norarana tsy hikasika azy ny rahalahiny fandrao dia halazo toy ny zozoro maina izy ireo. Tokony ho 592–591 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nanohy indray ny dianay tany antany foana izahay; ary nizotra saiky niantsinanana ny dianay hatramin' izay fotoana izay. Ary nizotra ny dianay no sady nan-

dalo tamina fijaliana be izahay tany an-tany foana; ary tera-bao tany an-tany foana ny vadinay.

2 Ary lehibe tokoa ny fitahian' ny Tompo anay, fa raha mbola nivelona tamin' ny "hena manta izahay tany an-tany foana, ny vadinay kosa dia nanome nono betsaka ny zanany, sady natanjaka, eny, nitomban-dahy aza; ary izy ireo dia nanomboka nahatanty ny dia, tsy nimonomonona.

3 Ary dia toy izany no ahitan-tsika fa tsy maintsy tanteraka ny didin' Andriamanitra. Ary raha toa ka "mitandrina ny didin' Andriamanitra ny zanak' olombelona, dia mamelona sy mampahery azy Izy ary ^bmanomana lalana hahazoany manatanteraka ny zavatra izay efa nandidian' azy; koa nanomana lalana ho anay Izy, raha mbola nitoetra tany an-tany foana izahay.

4 Ary izahay dia nitoetra nandritra ny taona maro, eny nandritra ny valo taona tany an-tany foana.

5 Ary izahay dia tonga tao amin' ny toerana izay nantsoinay hoe Soafeno, noho ny habetsahan' ny voankazo tao ary koa ny tantely remby; ary efa nomanin' ny Tompo ireny zavatra rehetra ireny mba tsy hafaty anay. Ary nahatazana ny ranomasina izahay, izay nantsoinay hoe Ireantoma izay adika hoe rano maro.

6 Ary ny zava-nitranga, dia nangana ny lainay teo akaikin' ny moron-dranomasina izahay;

ary na dia teo aza ny efa niaretanay "fahoriana maro sy fahasahiranana be, eny, be loatra aza izy ireny ka tsy hay soratana avokoa, dia niravoravo fatratra tokoa izahay nony tonga teo amoron-dranomasina; ary nantsoinay hoe Soafeno ny toerana noho ny habetsahan' ny voankazo teo.

7 Ary ny zava-nitranga, rehefa teo amin' ny tanin' i Soafeno nandritra ny andro maro izaho Nefia, dia tonga tamiko ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Mitsangana ary miakara ianao eo antendrombohitra. Ary ny zava-nitranga dia nitsangana aho sy niakatra teo antendrombohitra ary nitalaho ny Tompo.

8 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo, nanao hoe: Hanamboatra sambo iray ianao araka ny "toromarika izay hasehoko anao mba hahazoako mitondra ny olonao mita ireo rano ireo.

9 Ary hoy aho: Tompo ô! aiza no halehako hahitako akora harendrika, mba hahazoako manao fitaovana hanamboarana ny sambo araka ny toromarika izay efa nasehonao ahy?

10 Ary ny zava-nitranga dia nolazain' ny Tompo ahy izay tokony halehako hahitako akora harendrika mba hahazoako manao fitaovana.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nanao tafoforana itsofan' afo tamin' ny hoditra biby izaho

Nefia; ary rehefa nahavita tafoforana aho mba hahazoako mitsoka afo, dia nampifampikaso hako niaraka ny vato anankiroa mba hahazoako manao afo.

12 Satria tsy navelan' ny Tompo ny hanaovanay afo firy hatrizao, raha nandeha tany an-tany foana izahay; fa hoy Izy: Izaho hahatonga ny haninareo ho mafilotra mba tsy "handrahoanareo izany;

13 Ary Izaho koa no ho fahazavanareo any an-tany foana; ary Izaho no "hanomana ny lalana eo anoloanareo raha toa ka mitandrina ny didiko ianareo; koa raha mitandrina ny didiko ianareo dia hoentina mankamin' ny ^btany nampanantenaina; ary ho "fantatrareo fa entina amin' ny alalako ianareo.

14 Eny, ary hoy koa ny Tompo: Rehefa tonga any amin' ny tany nampanantenaina ianareo, dia ho "fantatrareo fa Izaho Tompo no ^bAndriamanitra; ary Izaho Tompo no nanafaka anareo tamin' ny fandringanana; eny, Izaho no nitondra anareo nivoaka ny tanin' i Jerosalema.

15 Koa izaho Nefia dia niezaka ny hitandrina ny didin' ny Tompo sy namporisika ny rahalahiko ho amin' ny fahatokiana sy ny fahazotoana.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanamboatra fitaovana tamin' ny akora izay narendriko avy tamin' ny vato aho.

17 Ary nony nahita ny rahala-

6a 2 Ne. 4:20.
8a 1 Ne. 18:2.
12a 1 Ne. 17:2.
13a Almà 37:38-39.

b 1 Ne. 2:20;
Jakôba 2:12.
d Eks. 6:7.
14a 2 Ne. 1:4.

TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.
b F&F 5:2.

hiko fa efa madiva “hanamboatra sambo iray aho dia nanomboka nimonomonona tamiko ireo, nanao hoe: Adala ny rahalahintsika satria mihevitra izy fa afaka manamboatra sambo iray; eny, ary mihevitra koa izy fa afaka mita ireo rano lehibe ireo.

18 Ary dia toy izany no nimoi-moizan’ ny rahalahiko tamiko, ary niriany ny tsy hiasany, satria tsy ninoany fa afaka manamboatra sambo iray aho; sady tsy ninoany koa fa efa notoroan’ ny Tompo hevitra aho.

19 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia dia feno alahelo izaitsizy tokoa noho ny hamafin’ ny fony; ary ankehitriny nony hitan’ izy ireo fa nanomboka ho feno alahelo aho dia nifaly tao am-pony izy ireo, hany ka “nisariadriaka tamiko nanao hoe: Fantatray fa tsy afaka manamboatra sambo ianao, satria fantatray fa tsy ampy fandanjalanjana; koa tsy afaka manatontosa asa goavana toy izany ianao.

20 Ary mitovy amin-drainay ianao, voafitaky ny “fisaintsainana adalan’ ny fony; eny, efa nitondra anay niala ny tanin’ i Jerosalema izy, ary efa nirenireny tany an-tany foana izahay nandritra izay taona maro izay; ary efa nisasatra ny vehivavinay, satria nitondra vohoka; ary terabao tany an-tany foana ireo sy niaritra ny zava-drehetra afa-tsy ny fahafatesana; ary ho tsara kokoa ho azy ireo ny maty talohan’

ny nialany tao Jerosalema, toy izay niaritra ireo fahoriana ireo.

21 Indro, efa nijaly tany an-tany foana izahay nandritra ireo taona maro ireo dia fotoana izay mba tokony ho efa nankafizanay ny fanananay sy ny tany lovanay; eny, mety mba ho efa sambatra izahay.

22 Ary fantatray fa ny mponina izay tao an-tanin’ i Jerosalema dia “vahoaka marina, satria nitana ny fitsipika sy ny didin’ ny Tompo ary ny didiny rehetra araka ny lalàn’ i Mosesy izy; koa fantatray fa vahoaka marina izy; ary efa notsarain-drainay izy ary efa nentiny niala izahay satria nety nihaino ny teniny; eny, ary ny rahalahintsika dia tahaka azy. Ary dia araka izany fombam-pitenenana izany no nimonomononan’ ny rahalahiko sy nitarainany taminay.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy izaho Nefia, nanao hoe: Moa mino va ianareo fa ny razantsika izay zanak’ i Isiraely dia ho nentina niala teo an-tanin’ ny Egyptiana raha toa tsy nihaino ny tenin’ ny Tompo izy?

24 Eny, moa heverinareo va fa ho nentina niala tamin’ ny fanandevozana izy, raha toa ny Tompo tsy nandidy an’ i Mosesy ny tokony “hitondrany azy hiala amin’ ny fanandevozana?

25 Ankehitriny dia fantatra-reo fa “nandevozina ny zanak’ i Isiraely; ary fantatrareo fa novesarana ^bfanompoana izay sarotra entina izy; koa fantatrareo

17a 1 Ne. 18:1–6.

19a TSM Fanenjhana.

20a 1 Ne. 2:11.

22a 1 Ne. 1:13.

24a Eks. 3:2–10;

1 Ne. 19:10;

2 Ne. 3:9; 25:20.

25a Gen. 15:13–14.

b Eks. 1:11; 2:11.

fa tsy maintsy ho zavatra tsara tokoa ho azy ny nitondrana azy niala ny fanandevozana.

26 Ankehitriny dia fantatrareo fa nodidian' ny Tompo i "Mosesy hanatanteraka izany asa lehibe izany; ary fantatrareo fa noho ny ^bteniny, ny ranon' ny Ranomasina Mena dia nisava ho andaniny sy ankilany ary nandeha teo afovoany izy nandia tany maina.

27 Nefa fantatrareo fa rendrika tao amin' ny Ranomasina Mena ny Egyptiana izay miaramilan' i Farao.

28 Ary fantatrareo koa fa novokisana "mana izy tany an-tany foana.

29 Eny, ary fantatrareo koa fa i Mosesy, noho ny teniny, araka ny herin' Andriamanitra izay tao aminy, dia "nikapoka ny vato-lampy ary niboiboika ny rano mba hahazoan' ny zanak' i Isiraely manala ny hetahetany.

30 Ary na dia teo aza ny nitarihana azy, ka ny Tompo Andriamaniny sy Mpanavotra azy no nialoha lalana azy, nitarika azy nandritra ny andro sy nanome fahazavana ho azy tamin' ny alina ary nanao ho azy ny zavatra rehetra izay "tsara horaisina ho an' ny olona, dia nanamafy ny fony sy nanajamba ny sainy ary ^bnanevateva an' i Mosesy

sy Ilay Andriamanitra marina sady velona izy.

31 Ary ny zava-nitranga, araka ny teniny, dia "nandringana azy Izy ary araka ny teniny dia ^bnitarika azy Izy; ary araka ny teniny dia nataony avokoa ny zavatra ho azy; ary tsy nisy na inona na inona zava-bita raha tsy noho ny teniny.

32 Ary nony efa tafita ny renirano Jordana izy dia nataony nahery izy tamin' ny "fanosehana ny mponina teratany hiala ny taniny, eny, tamin' ny fanaparitahana azy hatrany amin' ny fandringanana.

33 Ary ankehitriny moa heverinareo va fa ny mponina teratany izay teo amin' ny tany nampantanenaina, izay efa natosiky ny razantsika hiala, moa heverinareo va fa vahoaka marina izy? Indro lazaiko aminareo, Tsia.

34 Moa heverinareo fa ho mendrika kokoa noho izy ny razantsika raha toa ka olo-marina izy? Lazaiko anareo, Tsia.

35 Indro, iray ihany no fihevitry ny Tompo ny "nofo rehetra; izay ^bmarina no "ankasitrahan' Andriamanitra. Nefa indro, efa notsipahin' ity vahoaka ity ny tenin' Andriamanitra rehetra ary masaka tao anatin' ny heloka izy; ary teo aminy ny fahafenoan'

26a Asa 7:22–39.

b Eks. 14:21–31;

1 Ne. 4:2;

Môsîà 7:19;

Hel. 8:11; F&F 8:3;

Mos. 1:25.

28a Eks. 16:4, 14–15, 35;

Nom. 11:7–8;

Deot. 8:3;

Môsîà 7:19.

29a Eks. 17:6; Nom. 20:11;
Deot. 8:15; 1 Ne. 20:21.

30a F&F 18:18; 88:64–65.

b Eks. 32:8;

Nom. 14:2–3;

Ezek. 20:13–16;

F&F 84:23–25.

31a Nom. 26:65.

b 1 Ne. 5:15;

F&F 103:16–18.

32a Nom. 33:52–53;
Jos. 24:8.

35a Asa 10:15, 34;

Roma. 2:11;

2 Ne. 26:23–33.

b Sal. 55:22; 1 Ne. 22:17.

d 1 Sam. 2:30;

Sal. 97:10; 145:20;

Almà 13:4;

F&F 82:10.

ny fahatezeran' Andriamanitra; ary ny Tompo dia nanazona ny tany taminy ary nitahy izany kosa ho an' ny razantsika; eny, Izy dia nanazona izany taminy hatrany amin' ny famongorana azy, ary nitahy izany kosa ho an' ny razantsika tamin' ny fahazoany fahefana hanapaka izany.

36 Indro efa ^anahary ny ^btany ny Tompo mba ho azo ^dhone-nana izany; ary efa nahary ny zanany Izy mba hizakan' ireo izany.

37 Ary ^amanangana firenena marina iray Izy sy mandrava ny firenen' ny olon-dratsy.

38 Ary mitondra ny marina mankamin' ny ^atany sarobidy Izy; ary ny ratsy dia ^bfongoriny ary ozoniny ny tany ho azy noho ny aminy.

39 Manapaka eny an-danitra avo Izy fa izany no seza fian-drianany, ary ity tany ity no ^afitoeran-tongony.

40 Ary tia ireo izay hanana Azy ho Andriamaniny Izy. Indro Izy dia nitia ny razantsika sy nanao ^afanekempihavanana taminy, eny, dia i Abrahama sy i ^bIsaka ary i ^dJakoba; ary notsarovany ny fanekempihavanana izay efa nataony; koa Izy dia nitondra azy nivoaka ny tany ^eEgypta.

41 Ary Izy dia nanafay azy tany an-tany foana tamin' ny tsorakazony; satria ^ananamafy ny fony izy dia toa anareo koa; ary nanafay azy ny Tompo noho ny helony. Nalefany ny ^bmenaran' afo manidina teo anivony; ary nony efa voakaikitra izy, dia no-maniny ny lalana iray mba hahazoana ^dmanasitrana azy; ary ny zavatra izay tsy maintsy atao-ny dia ny mibanjina; ary noho ny ^efahatsoran' ny lalana, na noho ny hamorany, dia nisy maro ireo izay maty.

42 Ary izy dia nanamafy ombieny ombieny ny fony ary ^ananevateva an' i ^bMosesy sy Andriamanitra koa; kanefa fantatrareo fa notarihin' ny heriny tsy manan-tsahala izy nankamin' ny tany nampanantenaina.

43 Ary ankehitriny taorian' ireo zavatra rehetra ireo, dia tonga ny fotoana izay nanjariany ho olon-dratsy, eny, saiky ho amin' ny fahamasahana aza; ary tsy fantatro raha toa ka efa madiva ho fongana izy amin' izao andro izao; satria fantatro fa tsy maintsy ho avy marina tokoa ny andro izay tsy maintsy hamongorana azy afa-tsy vitsivitsy iha-ny izay hoentina any amin' ny fahababoana.

44 Koa ^anandidy ny raiko ny

36a TSM Fahariana.
b TSM Tany.

d Isa. 45:18;
Abr. 3:24–25.

37a Ohab. 14:34;
1 Ne. 4:13; Etera 2:10;
F&F 117:6.

38a TSM Tany
Nampanantenaina.
b Lev. 20:22.

39a Isa. 66:1; F&F 38:17;
Abr. 2:7.

40a TSM Fanekempihava-
nan' i Abrahama.

b Gen. 21:12;
F&F 27:10.
d Gen. 28:1–5.

e Deot. 4:37.

41a 2 Mpan. 17:7–23.
b Nom. 21:4–9;

Deot. 8:15;
Almà 33:18–22.

d Jaos. 3:13–15;
2 Ne. 25:20.

e Almà 37:44–47;
Hel. 8:15.

42a Nom. 14:1–12.
TSM Fikomiana.

b F&F 84:23–24.

44a 1 Ne. 2:1–2.

Tompo ny handehananany mankany an-tany foana; ary nifofo ny handatsaka ny ainy koa ny Jiosy; eny, ary efa nifofo ny handatsaka ny ainy koa ^bianareo; koa ianareo dia mpamono olona ao am-ponareo ary mitovy aminy ianareo.

45 "Mailaka ianareo amin' ny fanaovana heloka fa mitaredretra kosa amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamanitrareo. Efa nahita ^banjely iray ianareo, ary niteny taminareo izy; eny, efa nandre ny feony ombieny ombieny ianareo; ary niteny taminareo tamin' ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa ^ddonto ianareo, hany ka tsy nahatsapa ny teniny; koa izany no efa nitenenany taminareo tahaka ny feon' ny kotro-baratra izay nahatonga ny tany hihorohoro miova tsy ny hitresaka roa ireny.

46 Ary fantatrareo koa fa noho ny ^aherin' ny teniny tsitoha dia azony atao ny manafoana ny tany; eny, ary fantatrareo fa noho ny teniny dia azony atao ny mahatonga ny toerana mikitoantoana ho marin-tampona ary ny toerana marin-tampona hitresatresaka. Ô, amin' izany, nahoana re no dia mafy loatra ny ao amponareo?

47 Indro, rotidrotiky ny fangirifiriana ny fanahiko noho ny aminareo ary marary ny foko; matahotra aho fandrao dia ho-roahina mandrakizay ianareo. Indro, ^aheniky ny Fanahin'

Andriamanitra aho, hany ka ^btsy manan-kery ny vatako.

48 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany aho, dia tezitra tamiko ireo ary te hanipy ahy any an-dranomasina lalina; ary raha nandroso izy ireo hikasi-tanana ahy, dia niteny taminy aho na-nao hoe: Amin' ny anaran' Andriamanitra Tsitoha, mandidy anareo aho ^atsy hikasika ahy fa heniky ny ^bherin' Andriamanitra aho na dia mahalevona ny nofoko aza izany; ary na zovy na zovy no hikasi-tanana ahy, dia ^dhalazo toy ny zozoro maina; ary ho tsinontsinona izy eo anoloan' ny herin' Andriamanitra fa hamely azy Andriamanitra.

49 Ary ny zava-nitranga, iza-ho Nefia dia nilaza taminy ny tsy tokony himonomononany intsony amin-drainy; sy ny tsy tokony handavany koa ny hiara-miasa amiko, satria Andriamanitra no efa nandidy ahy hanamboarako sambo iray.

50 Ary hoy aho taminy: "Raha Andriamanitra no efa nandidy ahy hanao ny zava-drehetra, dia ho vitako izany. Raha mandidy ahy Izy ny hitenenako amin' ity rano ity hoe, manjaria tany, dia hanjary tany izany; ary raha milaza izany aho, dia ho tō izany.

51 Ary ankehitriny, raha manana hery lehibe toy izany ny Tompo, ary efa nahavita fahagagana maro tokoa teo anivon' ny zanak' olombelona, nahoana

44b 1 Ne. 16:37.
45a Môsià 13:29.
b 1 Ne. 4:3.
d Ef. 4:19.

46a Hel. 12:6-18.
47a Mika 3:8.
b 1 Ne. 19:20.
48a Môsià 13:3.

b 2 Ne. 1:26-27.
TSM Hery.
d 1 Mpan. 13:4-7.
50a Filip. 4:13; 1 Ne. 3:7.

Izy no tsy ho afaka “manoro ahy hahazoako manamboatra sambo iray?

52 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nilaza zavatra maro tamin’ ny rahalahiko hany ka nangaihay ireo sy tsy afaka ni-fanditra tamiko; tsy sahiny ihany koa ny nanenjan-tsandry tamiko na nikasi-tanana ahy, na dia nandritra ny andro maro aza. Ankehitriny dia tsy sahiny ny nanao izany fandrao halazo eo anoloako izy ireo, satria nahery loatra ny “Fanahin’ Andriamanitra; ary dia toy izany no efa niasany taminy.

53 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Ahinjiro indray eo anoloan’ ny rahalahinao ny tananao dia tsy halazo eo anoloanao izy ireo, fa hampangitakitaka azy ireo kosa Aho, hoy ny Tompo, ary izany no hataoko dia ny mba hahafantarany fa Izaho no Tompo Andriamaniny.

54 Ary ny zava-nitranga dia nahinjiro teo anoloan’ ny rahalahiko ny tanako ary tsy nalazo teo anoloako izy ireo; fa ny Tompo no nampangitakitaka azy ireo kosa araka ny teny izay efa nola-zainy.

55 Ary ankehitriny dia hoy ireo: Fantatray marina tokoa fa miaraka aminao ny Tompo satria fantatray fa ny herin’ ny Tompo no efa nampangitakitaka anay. Ary dia niankohoka teo anoloako izy ireo ary efa saiky “hitsaoka ahy, nefa tsy navelako sady nataoko hoe: Rahalahinareo aho,

eny, dia ny zandrinareo lahy; koa aoka ianareo hitsaoka ny Tompo Andriamanitrareo, ary manajà ny rainareo sy ny reninareo mba ho lava ^bandro ianareo any amin’ ny tany izay homen’ ny Tompo Andriamanitrareo anareo.

TOKO 18

Ny fahavitan’ ny sambo—Filazana ny nahaterahan’ i Jakôba sy i Jôsefa—Niondrana an-tsambo ny mpiray dia hankany amin’ ny tany nampantanentaina—Nandray anjara tamin’ ny filalaovan-dratsy sy ny fikomiana ny zanakalahin’ i Ismaela mbamin’ ny vadiny avy—Nifatotra i Nefia ary natosiky ny tafio-drivotra mahatsiravina hiverina ilalana ny sambo—Nafahana i Nefia, ary nitsahatra ny tafiotra noho ny fivavahany—Ny fahatongavan’ ny olona tany amin’ ny tany nampantanentaina. Tokony ho 591–589 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nitsaoka ny Tompo izy ireo sy nandeha niaraka tamiko; ary izahay dia nandrafitra ny hazo araka ny fahaizana asa kanto. Ary nasehon’ ny Tompo ahy ombieny ombieny ny fomba tokony handrafetako ny hazo amin’ ny sambo.

2 Ankehitriny izaho Nefia dia tsy nandrafitra ny hazo araka ny rafitra izay nianaran’ ny olona, sady tsy nanamboatra ny sambo araka ny fanaon’ ny olona; fa nanamboatra izany kosa araka ny fomba izay efa nasehon’ ny

51a Gen. 6:14–16;
1 Ne. 18:1.

52a TSM Fanahy Masina.
55a Asa 14:11–15.

b Eks. 20:12;
Môsià 13:20.

Tompo ahy; koa dia tsy araka ny fanaon' ny olona izany.

3 Ary izaho Nefia dia niakatra matetika tao an-tendrombohitra sy "nivavaka matetika tamin' ny Tompo; koa dia 'nanehoan' ny Tompo zava-dehibe aho.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa vitako ny sambo araka ny tenin' ny Tompo, dia nahita ny rahalahiko fa tsara izany sy nokaliana fatratra tokoa ny rafitra asa tamin' ny noho izany dia "nanetry ny tenany indray teo anatrehan' ny Tompo izy ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin-draiko ny feon' ny Tompo fa tokony hanainga izahay sy hiondrana an-tsambo.

6 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, rehefa avy nanomana ny zava-drehetra izahay, dia voankazo maro sy "hena avy any an-tany foana ary tantely sesehena sy vatsy araka izay efa nandidian' ny Tompo anay, dia nidina arakara-jokiny tao an-tsambo izahay niaraka tamin' ny entanay rehetra sy ny masombolinay ary izay zavatra rehetra efa nentinay niaraka taminay; koa dia nidina tao an-tsambo izahay rehetra mbamin' ny vadina sy ny zanakay avy.

7 Ary ankehitriny dia niteraka ny zanany lahy anankiroa ny raiko tany an-tany foana; ny zokin' ny nantsoina hoe "Jakôba ary ny zandriny, ^bJôsefa.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa

tafidina tao an-tsambo avokoa izahay sy efa nitondra niaraka taminay ny vatsinay sy ny zavatra izay efa nandidiana anay, dia nivoaka an-"dranomasina izahay ary natosiky ny rivotra hankany amin' ny ^btany nampanantenaina.

9 Ary rehefa avy natosiky ny rivotra nandritra ny andro maro izahay, dia indro nanomboka niala liana ny rahalahiko sy ny zanakalahin' i Ismaela ary koa ny vadiny avy, hany ka nanomboka nandihy sy nihira ary nanao teny kivalavala be izy ireo, eny, ka dia nanadino ny hery izay efa nitondrana azy ireo hatreto; eny, nanaram-po tamin' ny fahambanian-toetra izaitsizy izy ireo.

10 Ary izaho Nefia dia nanomboka natahotra fatratra tokoa fandrao ho tezitra aminay ny Tompo sy hamely anay noho ny helokay, ka dia ho voatelin' ny ranomasina lalina izahay; koa izaho Nefia dia nanomboka niteny azy ireo tamin-kitsim-po be; nefa indro fa "tezitra tamiko izy ireo, nanao hoe: Tsy hoe-kentsika ho ^bmpifehy antsika ny zandrintsika lahy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nalain' i Lamàna sy Lemoela aho sy nafatony tamin' ny tady ary henjana be ny fitondrany ahy; kanefa "navelan' ny Tompo hanao izany izy ireo mba hahazoany maneho ny heriny

18 3a TSM Vavaka.

b TSM Fanambarana.

4a 1 Ne. 16:5.

6a 1 Ne. 17:2.

7a 2 Ne. 2:1.

b 2 Ne. 3:1.

8a 2 Ne. 10:20.

b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

10a 1 Ne. 17:17–55.

b Gen. 37:9–11;

1 Ne. 16:37–38;

2 Ne. 1:25–27.

11a Almà 14:11.

ho fanatanterahana ny teniny izay efa nolazainy momba ny olon-dratsy.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nogiazany aho mba tsy hahafahako mihetsika, dia nijanona tsy nandeha ilay “kômpà izay efa nomanin’ ny Tompo.

13 Noho izany dia tsy nahafanatra ny lalana tokony hanamorianana ny sambo izy ireo hany ka nisy ranonorambaratra be niforona, eny, tafio-drivotra lehibe sy mahatahotra, ary nitondra anay “niverina ilalana teny ambony rano nandritra ny hate-loana izany; ary nanomboka ho raiki-tahotra izaitsizy izy ireo fandrao dia ho fefika an-drano-masina; na dia teo aza izany dia tsy novahany aho.

14 Ary tamin’ ny andro fahefatra izay efa nitondrana anay niverina ilalana, dia nanomboka ho tena mahatsiravina tokoa ny tafio-drivotra.

15 Ary ny zava-nitranga dia efa saika voatelina tany an-drano-masina lalina izahay. Ary rehefa nentina niverina ilalana teny ambony rano nandritra ny hefarana izahay, dia nanomboka “nahita ny rahalahiko fa teo aminy ny famalian’ Andriamanitra ary tsy maintsy ho faty izy ireo raha tsy mibebaka amin’ ny helony; koa nanatona ahy izy ireo sy namaha ny fatorana izay teo tamin’ ny hatotanako ary indro nivonto fatratra izany; sy tamin’ ny kitrokeliko koa izay

nivonto be, ka tena lehibe tokoa ny fanaintainana.

16 Na dia teo aza izany dia nitodika tamin’ Andriamanitra aho ary “nidera Azy nandritra ny manontolo andro; ary tsy mba nimonomonona ny Tompo aho noho ny fahoriako.

17 Ankehitriny dia efa niteny zava-marô taminy sy tamin’ ny zanakalahin’ i “Ismaela i Lehia raiko; nefa indro nofofoiny fandrahonana be ireo izay niteny tamin’ ny anarako; ary satria efa nandroso taona ny ray amandreniko sy niaritra alahelo be noho ny zanany, dia resy izy ireo, eny, narary teo ampan-driany aza.

18 Noho ny alahelony sy ny fijaliany be ary ny heloky ny rahalahiko, dia kely foana no tsy nitondrana azy ireo handao izao fiainana izao mba hihaona amin’ Andriamaniny; eny, ny volofotsiny dia efa saika nentina nampandriana ambany tamin’ ny vovoka; eny, izy ireo dia efa saika natsipin’ ny famoizam-po tany am-pasan-drano.

19 Ary nalahelo ny fahorian-dreniny koa i Jakôba sy i Jôsefa noho izy ireo mbola kely ka nila hanina be; ary na ny “vadiko koa niaraka tamin’ ny ranomasony sy ny fivavahany, na koa ireo zanako, dia tsy nanalefaka ny fon’ ny rahalahiko mba hamotsorany ahy.

20 Ary dia tsy nisy na inona na inona afa-tsy ny herin’ Andriamanitra izay nandrahona azy

12a 1 Ne. 16:10, 16, 26;
2 Ne. 5:12;
Almà 37:38–47;

F&F 17:1.
13a Môsià 1:17.
15a Hel. 12:3.

16a Almà 36:28.
17a 1 Ne. 7:4–20.
19a 1 Ne. 7:19; 16:7.

ireo tamin' ny famongorana no afaka nanalefaka ny fony; koa rehefa hitany fa efa saika nate-lin' ny ranomasina lalina izy ireo dia nibelahany ny zavatra izay efa nataony ka novotsorany aho.

21 Ary ny zava-nitranga nony efa novotsorany aho, dia indro fa noraisiko ny kômpà, ary dia nandeha izany araka ny fani-riako. Ary ny zava-nitranga dia nivavaka tamin' ny Tompo aho; ary rehefa avy nivavaka aho dia nitsahatra ny rivotra ary dia nitsahatra koa ny ranonoram-batra ary nisy fitoniana lehibe.

22 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nanamory ny sambo ka nizotra teny an-dranomasina indray izahay nankany amin' ny tany nampanantenaina.

23 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nizotra teny an-dranomasina nandritra ny andro maro izahay dia tonga tany amin' ny "tany nampanantenaina; ary nandeha nidina an-tany izahay sy nanan-gana ny lainay; ary nantsoinay hoe ny tany nampanantenaina izany.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niasa ny tany iza-hay sy nanomboka namafy voa; eny, nalevinay tanaty tany avo-koa ny masombolinay izay efa nentinay avy tany an-tanin' i Je-rosalema. Ary ny zava-nitranga dia naniry fatratra tokoa ireo; koa notahiana fatratra izahay.

25 Ary ny zava-nitranga dia nahita izahay teo amin' ny tany nampanantenaina raha nandeha tany an-tany foana, fa nisy ny

biby isan-karazany tao anaty ala, na ombivavy izany, na ombilahy, na ampondra na soavaly, na osy na osidia, na bibidia isan-kara-zany rehetra izay hampiasain' ny olona. Ary nahita ny karaza-ny rehetra tamin' ny akora iza-hay, na volamena na volafotsy na varahinamena.

TOKO 19

Nanao takelaka tamin' ny akora i Nefia ary nirakitra an-tsoratra ny tantaran' ny olony — Eninjato tao-na taorian' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema vao ho tonga ny Andriamanitry ny Isiraely — Nilaza ny amin' ny fijaliany sy ny nanomboana Azy i Nefia — Hoha-mavoina ny Jiosy sy haely patrana hatramin' ny andro farany izay hi-verenany amin' ny Tompo. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandidy ahy ny Tompo ka dia nanao takelaka tamin' ny akora aho mba hahazoako misokitra eo aminy ny rakitsoratra ny oloko. Ary teo amin' ny "takelaka izay nataoko no nisokirako ny rakitsoratra ny ^braiko ary koa ny dianay tany an-tany foana sy ny faminanian-draiko; ary ny anka-beazany tamin' ny faminaniako dia efa nosokiriko teo aminy koa.

2 Ary tsy nahalala aho tamin' ny fotoana izay nanaovako azy ireo fa hodidian' ny Tompo aho mba hanaovako "ireto takelaka ireto; koa ny rakitsoratra ny rai-ko sy ny tetiaran' ny razany ary

ny ankamaroan' ny zavatra rehetra nanjo anay tany an-tany foana, dia efa voasokitra teo amin' ireo takelaka voalohany izay efa noresahiko ireo; koa ny zavatra izay nitranga talohan' ny nanaovako ^bireto takelaka ireto, raha ny marina dia voalaza kokoa amin' ny antsipiriany eo amin' ny takelaka voalohany.

3 Ary rehefa nahavita ireto takelaka ireto izaho Nefia araka ny baiko azoko, dia nahazo baiko aho fa ny asa fanompoana sy ny faminaniana, ny lafiny tsotra sy sarobidy indrindra amin' izany, dia hosoratana eo amin' ^aireto takelaka ireto; ary ny zavatra izay efa voasoratra dia hotehirizina ho fianarana ho an' ny oloko izay hizaka ny tany, ary koa ho an' ny ^btanjona voalanjalanja hafa, izay tanjona efa fantatry ny Tompo.

4 Koa izaho Nefia dia nanao rakitsoratra teo amin' ny takelaka hafa izay manao ny fitantarana, na izay mitantara bebe kokoa ny amin' ny ady sy ny fifandirana ary ny famongorana ny oloko. Ary izany dia efa nataoko ary efa nandidiako ny oloko izay tokony hataony rahatrizay lasana aho; ary ireto takelaka ireto dia tokony hatolotry ny taranaka iray ny anankiray hafa, na ny mpaminany iray ny

iray hafa, mandra-pamoahan' ny Tompo didy hafa.

5 Ary homena etoana ao aoriana ny antony ^ananaovako ireto takelaka ireto; ary indro hotohizako aloha araka izay nolazaiko; ary izany no ataoko dia ny mba hahazoana ^bmitahiry ny zava-masina indrindra ho fantatry ny oloko.

6 Kanefa tsy manoratra na inona na inona eo amin' ireto takelaka ireto aho afa-tsy izay heveriko ho ^amasina. Ary ankehitriny raha manao hadisoana aho, dia nanao hadisoana ireo teo alohako; tsy te hanala tsiny ny tenako aho noho ireo olonkafa, fa noho ny ^bfahalemena kosa izay ao anatiko, araka ny maha-nofo, dia mba te hanala tsiny ny tenako ihany aho.

7 Satria ny zavatra izay heverin' ny olona sasany ho manandanja, na ho an' ny vatana na ho an' ny fanahy, dia ataon' ny hafa ^atsinontsinona ka itsahany amin' ny tongony. Eny, na dia ny tena Andriamanitry ny Isiraely aza dia ^bitsahan' ny olona amin' ny tongony; itsahany amin' ny tongony hoy aho, nefa tiako holazaina amin' ny teny hafa — ataony tsinontsinona Izy ka tsy henoiny ny feon' ny fanoloran-tsainy.

8 Ary indro, ^aavy Izy, ^beninjato

2b 1 Ne. 9:1–5.

3a Jakôba 1:1–4; 3:13–14; 4:1–4.

b 1 Ne. 9:4–5;

Tim 1:7;

F&F 3:19–20; 10:1–51.

5a 2 Ne. 5:28–33.

b TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.

6a Jereo pejindohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

TSM Masina.

b Môrm. 8:13–17;

Etera 12:23–28.

7a 2 Ne. 33:2;

Jakôba 4:14.

b TSM Fikomiana.

8a TSM Jesoa Kristy—
Faminaniana ny
amin' ny
fahaterahana sy ny
fahafatesan' i Jesoa
Kristy.

b 1 Ne. 10:4;

2 Ne. 25:19.

taona taorian' ny fotoana nandaozan-draiko an' i Jerosalema araka ny tenin' ny anjely.

9 Ary izao tontolo izao, noho ny helony dia hihevitra Azy ho tsinontsinona; koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary asia-ny Izy, fa miaritra izany. Eny, "rorany Izy ary miaritra izany noho ny lemim-panahiny sy ny fitiavany ary ny faharipony amin' ny zanak' olombelona.

10 Ary ny "Andriamanitry ny razantsika izay ^bnentina nivoaka an' i Egipta, niala ny famatorana sy narovana koa tany an-tany foana tamin' ny alalany, eny, ny "Andriamanitr' i Abrahama sy ny an' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba no "manolotra ny tenany araka ny tenin' ny anjely amin' ny maha-olona, ho eo an-tanan' ny olon-dratsy mba ^fhasandratra araka ny tenin' i ^sZenôka sy mba ^hhomboana araka ny tenin' i Neoma ary halevina ao ⁱam-pasana, araka ny tenin' i ⁱZenôsa izay niteny momba ny ^hhaizina hateloana izay ho famantarana homena ny amin' ny fahafatesany ho an' ireo izay honina amin' ny nosin-drano-masina, ary homena indrindra

indrindra an' ireo izay isan' ny 'mpianakavin' i Isiraely.

11 Fa toy izao no nolazain' ny mpaminany: "Hamangy marina tokoa ny mpianakavin' i Isiraely rehetra ny Tompo Andriamanitra amin' izany andro izany, ny sasany amin' ny feony noho ny fahamarinany mba ho fifaliana lehibe sy famonjena ny azy, ary ny hafa amin' ny ^bvaratra sy ny tselatry ny heriny, amin' ny tafio-drivotra, amin' ny afo ary amin' ny setroka sy amin' ny eton' ny ^dhaizina ary amin' ny fisokafan' ny ^etany, sy amin' ny ^ftendrombohitra izay hasondrotra.

12 Ary tsy maintsy ho tonga marina tokoa izany ^azavatra rehetra izany, hoy ny mpaminany ^bZenôsa. Ary tsy maintsy hitresaka ny ^dvatolampin' ny tany; ary noho ny fitoreoreon' ny tany dia maro amin' ny mpanjakan' ny nosin-dranomasina no hiasan' ny Fanahin' Andriamanitra ka hiantso hoe: Mijaly ny Andriamanitry ny voary.

13 Ary ny amin' ireo izay ao Jerosalema, hoy ny mpaminany, dia "hokaravasin' ny olon-drehetra izy ireo, satria ^bmanombo ny

9a Isa. 50:5–6; Mat. 27:30.

10a 2 Ne. 26:12;

Môsîà 7:27; 27:30–31;

Almà 11:38–39;

3 Ne. 11:14–15.

b Eks. 3:2–10; 6:6;

1 Ne. 5:15; F&F 136:22.

d Gen. 32:9; Môsîà 7:19;

F&F 136:21.

tsm Jehovah.

e tsm Sorompanavotana.

f 3 Ne. 27:14.

g Almà 33:15; 34:7;

Hel. 8:19–20;

3 Ne. 10:15–16.

tsm Soratra

Masina—Soratra

Masina Very; Zenôka.

h 2 Ne. 6:9; Môsîà 3:9.

tsm Fanomboana.

i Mat. 27:60; Lio. 23:53;

2 Ne. 25:13.

j Jakôba 6:1; Hel. 15:11.

tsm Zenôsa.

k 1 Ne. 12:4–5;

Hel. 14:20, 27;

3 Ne. 8:3, 19–23; 10:9.

l 3 Ne. 16:1–4.

11a 3 Ne. 9:1–22;

F&F 5:16.

b Hel. 14:20–27;

3 Ne. 8:5–23.

d Lio. 23:44–45;

3 Ne. 8:19–20.

e 2 Ne. 26:5.

f 3 Ne. 8:10.

12a Hel. 14:20–28.

b Jakôba 5:1.

d Mat. 27:51.

13a Lio. 23:27–30.

b 2 Ne. 10:3.

Andriamanitr' i Isiraely sy mamily lalana ny fony, mitsipaka ny famantarana sy ny fahagagana ary ny hery sy ny voninahitry ny Andriamanitr' i Isiraely.

14 Ary satria namily lalana ny fony izy ireo, hoy ny mpaminany, sy efa "nanamavo ny Iray Masin' ny Isiraely, dia hirenireny izy ireo eo amin' ny nofo sy ho faty, ary lasa ^bfaneso sy ^dfandatsa ary hankahalaina eo anivon' ny firenen-drehetra.

15 Kanefa, rehefa tonga izany andro izany, hoy ny mpaminany, izay "tsy hamiliany intsony ny fony hanohitra ilay Iray Masin' ny Isiraely, dia hotsaroany kosa amin' izany ny ^bfanekempihavanana izay nataony tamin' ny razany.

16 Eny, hotsaroany amin' izany ny ^anosin-dranomasina; eny, ary ny vahoaka rehetra izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely, hoy ny Tompo, araka ny tenin' i Zenôsa mpaminany dia ^bhanganiko avy amin' ny vazan-tany efatra.

17 Eny, ary ny tany manontolo dia "hahita ny famonjen' ny Tompo, hoy ny mpaminany; hotahiana ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra.

18 Ary izaho Nefia dia efa nanoratra ireo zavatra ireo ho an' ny oloko, fa angamba mba haharesy lahatra azy aho ka ho-

tsaroany ny Tompo Mpamonjy azy.

19 Koa, miteny amin' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra aho raha toa ka hahazo "ireo zavatra ireo izy.

20 Fa indro tojo fanahiana ny fanahiko ho an' ireo ao Jerosalema, izay tena mandreraka ahy, ka na dia ny vanintaolako rehetra aza dia mangozohozo; satria raha tsy feno famindram-po ny Tompo ka tsy nampiseho ahy ny momba azy ireo, toy ny efa nataony tamin' ny mpaminany fahiny, dia tokony ho efa maty koa aho.

21 Ary nasehony marina tokoa tamin' ny "mpaminany fahiny ny zava-drehetra ^bmomba azy ireo; ary nasehony ny maro koa ny momba anay; koa tsy maintsy ilaina ny hahafantarany ny momba azy ireo satria efa voasoratra eo amin' ny takela-barahina izany.

22 Ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nampianatra ireo zavatra ireo ny rahalahiko; ary ny zava-nitranga izaho dia namaky taminy zavatra maro izay efa voasokitra eo amin' ny "takela-barahina mba hahafantarany ny momba ny zavatra nataon' ny Tompo tany amin' ny tany hafa, teo anivon' ny mponina fahiny.

23 Ary izaho dia namaky tami-

14a Isa. 53:3–6;
Môsià 14:3–6.

^b TSM Jiosy.

^d Deot. 28:37;

1 Mpan. 9:7;

3 Ne. 16:9.

15a 1 Ne. 22:11–12.

^b TSM Fanekempihava-

nan' i Abrahama.

16a 1 Ne. 22:4;

2 Ne. 10:21.

^b Isa. 49:20–22.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

17a Isa. 40:4–5.

19a Enôsa 1:16;

Môrm. 5:12; 7:9–10.

21a 2 Mpan. 17:13;

Amo. 3:7.

TSM Mpaminany.

^b 3 Ne. 10:16–17.

22a 1 Ne. 22:1.

ny zavatra maro izay voasoratra ao amin' ny "bokin' i Mosesy; nefa mba hahazoako mandresy lahatra tanteraka azy ireo ka hinoany ny Tompo Mpanavotra azy ireo, dia novakiako tamin' izay voasoratra ny mpaminany ^bIsaia; satria efa "nampihariko tamin' ny tenin' ny soratra masina rehetra mba ho "tombontsoanay sy ho fianarana ho anay.

24 Koa niteny tamin' aho nanao hoe: Henoinareo ny tenin' ny mpaminany, ianareo izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, izay "sampangana iray nosarahina hiala; henoinareo ny tenin' ny mpaminany izay nosoratana ho an' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra ary ampiharo amin' ny tenanareo mba hahazoanareo manana fanantenana toy ny rahalahinareo izay nosarahina taminareo; fa toy izao no efa nosoratan' ny mpaminany.

TOKO 20

Nanambara tamin' ny Isiraely ny zava-kinendry ny Tompo—Efa nofinidy tao amin' ny memin' ny fahoriana i Isiraely ary handeha hiala an' i Babylona—Ampitahao amin' i Isaia 48. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

MIHAINOA ka mandrenesa izao ry mpianakavin' i Jakoba, izay antsoina amin' ny anaran' i Isi-

raely sy mivoaka avy amin' ny ranon' i Joda na avy amin' ny ranon' ny "batisa, izay mianiana amin' ny anaran' ny Tompo sy mankalaza ny Andriamanitry ny Isiraely, kanefa tsy mianiana araka ny rariny na araka ny hetsy izy.

2 Na dia eo aza izany, dia milaza ny tenany ho avy amin' ny "tanàna masina izy, nefa tsy ^bmiantehitra amin' ny Andriamanitr' i Isiraely, dia ny Tompon' ny maro; eny, ny Tompon' ny maro no anarany.

3 Indro, efa nolazaiko hatrany am-piandohana ny "zavatra taloha; ary niloaky ny vavako izany sady nasehoko. Nasehoko tampoka izany.

4 Ary nataoko izany noho ny fahalalako fa "kirina ianao ka hoza-by ny hatokao ary varahina ny handrinao.

5 Ary efa voalazako anao na dia hatrany am-piandohana aza; nasehoko anao izany talohan' ny hahatongavany; ary nasehoko anao izany fandrao hiteny ianao hoe—Ny "sompiko no efa nanao izany, ary ny sarin-javatra voasokitra sy ny sarin-javatra voarendrika no efa nandidy izany.

6 Efa nahita sy nandre izany rehetra izany ianao; ary moa tsy hanambara izany va ianareo? Ary efa nasehoko anao ny zava-baovao hatramin' izao fotoana

23a Eks. 17:14; 1 Ne. 5:11;
Mos. 1:40–41.

b 1 Ne. 15:20;
2 Ne. 25:4–6;

3 Ne. 23:1.

d TSM Soratra
Masina—Ny

hasarobidin' ny
Soratra Masina.

e 2 Ne. 4:15;
24a Gen. 49:22–26;

1 Ne. 15:12;

2 Ne. 3:4–5.

20 1a TSM Batisa.

2a Isa. 52:1.

TSM Jerosalema.

b IE miantehitra.

3a Isa. 46:9–10.

4a IE Isiraely.

5a TSM Fanompoan-
tsampy.

izao, na dia ny zava-miaina aza, ary tsy nahalala izany ianao.

7 Foronina izy ankehitriny fa tsy hatrany am-piandohana, na dia talohan' ny andro izay tsy nandrenesanao azy aza no efa nilazana azy anao, fandrao hiteny ianao hoe—Indro nahalala azy aho.

8 Eny, dia tsy nandre ianao; eny, tsy nahafantatra ianao; eny, tsy nosokafana ny sofinao hatramin' izany fotoana izany; satria nahafantatra Aho fa hamely am-pitaka tokoa ianao ary nantsoina hoe “mpandika lalàna hatrany am-bohoka.

9 Kanefa noho ny “anarako dia hampitony ny hatezerako Aho ary mba hiderana Ahy, dia handefitra aminao Aho mba tsy hamongorako anao.

10 Fa indro efa nanadio anao Aho, efa nifidy anao tao amin' ny memin' ny “fahoriana Aho.

11 Noho ny Amiko, eny, noho ny Amiko no hanaovako izany, satria tsy havelako holotoina ny “anarako ary ^btsy homeko ny hafa ny voninahitro.

12 Mihainoa Ahy ry Jakoba sy ry Isiraely izay nantsoiko fa Izaho no Izy; Izaho no “voalohany ary Izaho koa no ^bfarany.

13 Ny tanako koa no efa “nandatsaka ny fanambanin' ny tany ary ny tanako ankavanana no efa namelatra ny lanitra. Mian-

tso azy ireo Aho, dia miara-mitsangana izy ireo.

14 Ianareo rehetra, mivoria ka mandrenesa; iza tamin' ireny no mba efa nilaza ireo zavatra ireo taminy? Efa notiavin' ny Tompo izy; eny, ary “hotanterahiny ny teniny izay efa nolazainy tamin' ny alalan' izy ireo; ary hataony ny sitrapony amin' i ^bBabylona ary hianjera amin' ny Kaldeana ny sandriny.

15 Hoy koa ny Tompo: Izaho Tompo, eny, Izaho no efa niteny; eny, efa niantso azy hilaza, efa nitondra azy Aho, ary hampahomby ny lalany izy.

16 Manatona Ahy ianareo; tsy niteny an-“kinafinafina aho; hatrany am-piandohana, hatramin' ny fotoana izay efa nilazana izany aho no efa niteny; ary ny Tompo Andriamanitra sy ny Fanahiny no efa naniraka ahy.

17 Ary izao no lazain' ny Tompo “Mpanavotra anao, ny Iray Masin' ny Isiraely; efa naniraka azy Aho, ny Tompo Andriamanitrao izay mampianatra anao mba hahitanao soa, izay ^bmitarika anao amin' ny lalana tokony halehanao, no efa nanao izany.

18 Inay ianao mba nihaino ny “didiko—dia ho tonga tahaka ny renirano ny fiadananao ary ny fahamarinanao ho toy ny onjan-dranomasina.

19 Ho tahaka ny fasika ny

8a Sal. 58:3.

9a 1 Sam. 12:22; Sal. 23:3;

1 Jn. 2:12.

10a TSM Fahoriana.

11a Jer. 44:26.

^b Isa. 42:8; Mos. 4:1–4.

12a Fan. 1:17; 22:13.

TSM Alfa sy Omega;
Lahimatoa.

^b TSM Alfa sy Omega.

13a Sal. 102:25.

TSM Fahariana.

14a 1 Mpan. 8:56;

F&F 64:31; 76:3.

^b TSM Babela, Babylona.

16a Isa. 45:19.

17a TSM Mpanavotra.

^b TSM Fitaoaman' ny
Fanahy; Fanambarana.

18a Mpito. 8:5.

“taranakao; ho toy ny vovo-pa-sika ny haloaky ny kibonao; tsy hofongorana na h olevonina eo anatrehako ny anarany.

20 “Mandehana miala an’ i Babylona ianareo, mandosira ny Kaldeana ianareo, lazao amin’ ny feom-piderana, torio izao, ambarao hatrany am-paran’ ny tany; lazao hoe: Efa nanavotra an’ i Jakoba ^bmpanompony ny Tompo.

21 Ary tsy “nangetaheta izy ireo; nitondra azy namakivaky ny efitra Izy; nampiboiboika rano ho azy avy tamin’ ny ^bvato-lampy Izy; nampitresaka koa ny vatolampy Izy, ary nigororoana ny rano.

22 Ary na dia nanao izany rehetra izany aza Izy, ary koa ny lehibe kokoa, dia tsy misy “fiadanana ho an’ ny olon-dratsy, hoy ny Tompo.

TOKO 21

Ho fahazavana ho an’ ny Jentilisa ny Mesia ary hanafaka ny mpifatotra — Hanganina amin-kery i Isiraely amin’ ny andro farany — Ho ray mpitaiza azy ny mpanjaka — Ampitahao amin’ i Isaia 49. Tokony ho 588–570 talohan’ i J.K.

DIA izao indray: Mihainoa ianareo ry mpianakavin’ i Isiraely, dia ianareo rehetra izay sarahina sy roahina hiala noho ny fahara-

tsian’ ny mpiandry ny oloko; eny, ianareo rehetra izay sarahina sy naely patrana lavitra, izay anisan’ ny oloko, ry mpianakavin’ i Isiraely. Mihainoa ry “nosy ary mandrenesa ianareo ry vahoaka avy ^blavitra; efa nantsoin’ ny Tompo hatrany am-bohoka aho; hatrany an-kibon’ i neny no efa niantsoany ny anarako.

2 Ary efa nataony tahaka ny sabatra maranitra ny vavako; tao amin’ ny aloky ny tanany no efa nanafenany ahy, ary nataony zana-tsipika voalambolambo aho; tao amin’ ny tranon-jana-tsipikany no efa nanafenany ahy;

3 Ary hoy Izy tamiko: “Mpanompoko ianao ry Isiraely izay ao aminao no hankalazana Ahy.

4 Hoy aho tamin’ izay, efa niasa maina aho, efa nandany ny heriko tamin’ ny zava-poana sy ny tsinontsinona; ny fitsarana ahy dia miaraka amin’ ny Tompo marina tokoa ary ny asako dia miaraka amin’ Andriamanitra.

5 Ary ankehitriny, hoy ny Tompo—izay “namorona ahy hatrany am-bohoka ho mpanompony mba hampodiana indray an’ i Jakoba Aminy—na dia tsy voangona aza i Isiraely, dia mbola hankalazaina aho eo imason’ ny Tompo ary ny Andriamanitra no heriko.

6 Ary hoy Izy: Zava-maivana ihany ny haha-mpanompoko anao, dia ny hanangana ny

19a Gen. 22:15–19;
Hosea 1:10.

20a Jer. 51:6;
F&F 133:5–14.
b Isa. 44:1–2, 21.

21a Isa. 41:17–20.

b Eks. 17:6;
Nom. 20:11;

1 Ne. 17:29;
2 Ne. 25:20.
22a TSM Fiadanana.
21 1a 1 Ne. 22:4;

2 Ne. 10:20–22.

b F&F 1:1.

3a Lev. 25:55;
Isa. 41:8;
F&F 93:45–46.
5a Isa. 44:24.

“fokon’ i Jakoba sy ny hampody an’ i Isiraely sisa voatsimbina. Homeko anao koa ny ho ^bfahazavana ho an’ ny “Jentilisa mba hahatonga anao ho famonjeko hatrany am-paran’ ny tany.

7 Izao no lazain’ ny Tompo, ny Mpanavotra ny Isiraely, dia ny Iray Masiny, amin’ Ilay amavoin’ ny olona, amin’ Ilay halan’ ny firenena, amin’ Ilay mpanompon’ ny mpanapaka: Hahita ka hitsangana ny mpanjaka, hitsaoka koa ny printsy noho ny amin’ ny Tompo izay mahatoky.

8 Izao no lazain’ ny Tompo: Tamin’ ny fotoam-pankasitrahana no efa nihainoako anao ry nosin-dranomasina ary tamin’ ny androm-pamonjena no efa namonjeko anao; ary hotsimbiniho ianao ka homeko anao ny “mpanompoko ho fanekempihavanan’ ny olona mba hanorina ny tany sy hampandova ny lova aolo;

9 Mba hahazoanao miteny amin’ ny “mpifatotra hoe: Mivoaha; ary amin’ ireo izay mitoetra ao amin’ ny ^bhaizina hoe: Misehoa ianareo. Hiraotra eny an-dalana izy ireo, ary ho any amin’ ny toerana avo rehetra ny “kijanany.

10 Tsy ho noana na hangetahe-ta izy, sady tsy hamely azy na ny hafanana na ny masoandro; fa Ilay mamindra fo aminy no

hitarika azy, any akaikin’ ny lohan’ ny rano mihitsy no hitondrany azy.

11 Hataoko lalana ny tendrom-bohitro rehetra ary hasandratra ny “arabeko migodana.

12 Ary amin’ izany, ry mpianakavin’ i Isiraely, indro ho tonga avy lavitra “ireto; ary indreo avy any avaratra sy andrefana ireto; ary avy any amin’ ny tanin’ i Sinîma ireto.

13 “Mihirà ry lanitra; ary mifalia ry tany; fa ny tongotr’ ireo izay any atsinanana dia hajoro; ary velomy ny hira ry tendrom-bohitra; fa tsy hokapohina intsony izy; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, ary hamindra fo amin’ ny olony nijaly Izy.

14 Nefa indro i Ziona efa nanao hoe: Ny Tompo efa nahafoy ahy ary ny Tompoko efa nanadino ahy—saingy hasehony fa tsy izany.

15 Fa moa mety manadino ny zanany minono va ny “vehivavy ka tsy hanana fangorahana ny zanakalahy naloaky ny kibony? Eny, mety ^bmanadino izy kane-fa Izaho tsy hanadino anao Ry mpianakavin’ i Isiraely.

16 Indro efa vitako tombo-kavatsa eo amin’ ny “felatanako ianao; ny mandanao dia eo anatrehako mandrakariva.

17 Ny zanakao ho avy faingana hanohitra ny mpandrava anao;

6a TSM Isiraely—Ireo foko roa ambin’ ny folo amin’ ny Isiraely.
b F&F 103:8–10;
Abr. 2:10–11.
d 3 Ne. 21:11.
8a 2 Ne. 3:6–15;

3 Ne. 21:8–11;
Môrm. 8:16, 25.
9a TSM Famonjena ho an’ ny Maty.
b 2 Ne. 3:5.
d Ezek. 34:14.
11a Isa. 62:10;

F&F 133:23–32.
12a Isa. 43:5–6.
13a Isa. 44:23.
15a TSM Vehivavy.
b Isa. 41:17; Almà 46:8;
F&F 61:36.
16a Zak. 13:6.

ary ireo izay “nandrava anao hanalavitra anao.

18 Atopazo manodidina ny masonao ka tazano; ireo rehetra ireo dia miara-“mivory ary hanatona anao. Ary raha velona koa Aho hoy ny Tompo, izy rehetra ireo dia hiakanjoanao marina tokoa toy ny firavaka ary hisikinanao ireo na dia toy ny sikin’ ny ampakarina aza.

19 Satria ny taninao simba sy ny fonenanao aolo ary ny taninao rava dia ho tery loatra hatramin’ izao noho ny habetsahan’ ny mponina; ary ho lasa lavitra ireo izay nitelina anao.

20 Ny zanaka ho azonao, rehefa nafoinao iretsy voalohany, dia hilaza indray eo an-tsofinao hoe: “Ety loatra ho ahy ity toerana ity; omeo toerana aho hahazoa-ko mitoetra.

21 Amin’ izany “ianao dia hanao anakampo hoe: Iza no niteraka ireto ho ahy, satria efa namoy ny zanako aho sy ^bmitsaha-jaza, babo aho sady roahina etsy sy eroa? Ary iza no efa nitaiza ireto? Indro, nilaozana ho irery aho; fa mba taiza kosa ireto?

22 Iza no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Indro hanandra-tra ny tanako amin’ ny “Jentilisa Aho sy hanangana ny ^bfanevako ho an’ ny vahoaka; ary hitroto ny zanakao lahy eo an-^dtratrany ireo, ary ny zanakao vavy hoentiny eny an-tsorony.

23 Ary ny “mpanjaka no ho ray ^bmpitaiza anao ary ny andriambaviny no ho reny mpampinono anao; hiankohoka amin’ ny tany eo anatrehanao ireo ka hilelaka ny vovoka amin’ ny tongotrao; ary dia ho fantatrao fa Izaho no Tompo; fa tsy ho menatra izay ^dmiandry Ahy.

24 Fa moa hoesorina amin’ ny mahery va ny hazany na moa hafahana va ny “babo ara-dalàna?

25 Nefa izao no lazain’ ny Tompo, na dia ny babon’ ny mahery aza dia hoesorina aminy ary ny hazan’ ilay mahatahotra dia hafahana; fa Izaho no hiady amin’ izay miady aminao ary Izaho no hamonjy ny zanakao.

26 Ary “hofahanako ny nofon’ ny tenany ihany ireo izay mam-pahory anao; ho mamon’ ny rany ihany ireo toy ny amin’ ny di-vay mamy; ary ny nofo rehetra ^bhahafantatra fa Izaho Tompo no Mpamonjy anao ary ny Mpanavotra anao, dia ilay ^dMaherin’ i Jakoba.

TOKO 22

Haely patrana eran’ ny lafiny rehetra amin’ ny tany i Isiraely—Hitaiza sy hamelona an’ i Isiraely amin’ ny filazantsara ny Jentilisa amin’ ny andro farany—Hango-nina i Isiraely ka hovanjena, ary hirehitra toy ny mololo ny olon-

17a 3 Ne. 21:12–20.

18a Mika 4:11–13.

20a NA tery.

21a IE Ziona.

^b Isa. 54:1; Gal. 4:27.

22a Isa. 66:18–20.

^b Isa. 11:12; 18:3.

^d 1 Ne. 22:8;

2 Ne. 10:8–9.

23a Isa. 60:16.

^b 1 Ne. 22:6.

^d 2 Ne. 6:13;

F&F 98:2; 133:10–11, 45.

24a 1 Ne. 21:25.

26a 1 Ne. 22:13–14.

^b Môsià 11:22.

^d TSM Jehovah.

dratsy—Horavana ny fanjakan' ny devoly ary hafatotra i Satana. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa avy namaky ireo zavatra ireo izay voasokitra teo amin' ny ^atakelabarahina, dia natonin' ny rahalahiko ary nataony hoe: Inona no hevitr' ireo zavatra vao novakianao ireo? Indro, moa ireo tsy maintsy takarina araka ny zavatra izay ara-panahy, izay hitranga araka ny fanahy fa tsy araka ny nofo?

2 Ary izaho Nefia dia niteny taminy hoe: Indro, ^anambaran' ny mpaminany tamin' ny alalan' ny feon' ny ^bFanahy izy ireny; satria amin' ny alalan' ny Fanahy no ampahafantarana ny ^dmpaminany ny zava-drehetra izay hitranga amin' ny zanak' olombelona araka ny nofo.

3 Koa ny zavatra izay efa novakiako dia ny zavatra mikasika ny zavatra sady ^aara-nofo no ara-panahy; satria hita fa, na ho ela no ho haingana, ny mpianakavin' i Isiraely dia ^bhaely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany ary koa any anivon' ny firenen-drehetra.

4 Ary indro, misy maro izay very sahady ny fahalalan' ireo izay ao Jerosalema azy. Eny, ^alasana any lavitra ny ampahany betsaka indrindra amin' ny

^bfoko rehetra; ary niely patrana etsy sy eroa any amin' ny ^dnosindranomasina izy ary izay misy azy dia tsy misy amintsika mahafantatra, ny hany fantatsika dia lasan-davitra izy.

5 Ary hatramin' ny efa nahalasan-davitra azy, ireo zavatra ireo dia efa natao faminaniana momba azy ary koa momba ireo izay haely patrana sy haharo-haro any aoriana noho ny Iray Masin' ny Isiraely, satria hanamafy ny fony Aminy ireo; koa haely patrana any anivon' ny firenen-drehetra izy ireo ary ho ^ahalan' ny olon-drehetra.

6 Kanefa rehefa avy ^anotaizain' ny ^bJentilisa izy ireo ary ny Tompo efa nanandratra ny tanany tamin' ny Jentilisa sy nanangana azy ho faneva, ary ny zanany efa nentiny teo an-tsandriny ary ny ^dzanany vavy efa nentiny teo antsony, indro ireo zavatra izay voalaza ireo dia ara-nofo; fa izany no fanekempihavanan' ny Tompo tamin' ny razantsika; ary izany dia mikasika antsika amin' ny andro ho avy ary koa ny rahalahintsika rehetra izay anisan' ny mpianakavin' i Isiraely.

7 Ary midika izany fa rehefa avy naely patrana sy naharoharo ny mpianakavin' i Isiraely rehetra, dia tonga ny fotoana izay hananganan' ny Tompo Andriamanitra firenena iray matanjaka eo anivon' ny ^aJentilisa, eny,

22 1a 1 Ne. 19:22; 2 Ne. 4:2.

2a 2 Pet. 1:19–21.

b TSM Fanahy Masina.

d TSM Faminaniana.

3a F&F 29:31–34.

b 1 Ne. 10:12–14;

2 Ne. 25:14–16.

TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

4a 2 Ne. 10:22.

b TSM Isiraely—Ireo foko folo very amin' ny Isiraely.

d 1 Ne. 21:1;

2 Ne. 10:8, 20.

5a 1 Ne. 19:14.

6a 1 Ne. 21:23.

b TSM Jentilisa.

d 1 Ne. 15:13.

7a 3 Ne. 20:27.

dia eo amin' ity tany ity izany; ary izy no ^bhampielly patrana ny taranatsika.

8 Ary rehefa miely patrana ny taranatsika, dia hiroso hanao asa iray “mahatalanjona eo anivon’ ny ^bJentilisa ny Tompo Andriamanitra, izay ^ahanan-danja lehibe ho an’ ny taranatsika; koa izany dia ampitoviana amin’ ny fameloman’ ny Jentilisa azy sy amin’ ny fitondrana azy eo an-tsandriny sy eo an-tsorony.

9 Ary izany dia ^ahanan-danja koa ho an’ ny Jentilisa, ary tsy ho an’ ny Jentilisa ihany fa ^bho an’ ny ^ampianakavin’ i Isiraely rehetra, satria mampahafantatra ny ^afanekempihavanan’ ny Ray any an-danitra tamin’ i Abrahama, manao hoe: Amin’ ny ^taranakao no ^shitahiana ny foko rehetra ambonin’ ny tany.

10 Ary mba tiako ho fantatra-reo, ry rahalahiko, fa tsy azo tahiana ny foko rehetra ambonin’ ny tany raha tsy ^amampihanjaka ny sandriny eo imason’ ny firenena Izy.

11 Koa hampihanjaka ny sandriny eo imason’ ny firenena rehetra ny Tompo Andriamanitra amin’ ny fitondrana ny fanekempihavanany sy ny filazantsarany

hankany amin’ ireo izay anisan’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

12 Koa hitondra azy indray hiala ny fahababoana Izy, ary ^ahanganina miaraka eo amin’ ny tany lovary izy sy hoentina miala avy ao amin’ ny haizina sy ny ^bhaizim-pito, ary dia ho fantany fa ny ^aTompo no ^eMpamonjy sy Mpanavotra azy, ny ^fMaherin’ i Isiraely.

13 Ary hivaly eo ambony lohany ihany ny ran’ izay ao amin’ io ^afiangonana makadiry sy maharikoriko io, izay vehivavy janga amin’ ny tany manontolo; satria ^bhiady izy samy izy, ary hianjera eo ambony lohany ihany ny sabatra eny ^aan-tànany, ary ho mamon’ ny rany ihany izy.

14 Ary ny ^afirenena rehetra izay hiady aminao, ry mpianakavin’ i Isiraely, dia hampififamelezana, ary ireo dia ^bhianjera ao an-davaka izay nohadiany mba hamandrihana ny vahoakan’ ny Tompo. Ary izay rehetra ^amiady amin’ i Ziona dia hofongorana ary io vehivavy janga lehibe io izay efa namily ny lala-mahitsin’ ny Tompo, eny, io fiangonana makadiry sy maharikoriko io dia hidaraboka amin’ ny ^atany ka ho lehibe ny fianjerany.

7b 1 Ne. 13:12–14;

2 Ne. 1:11.

8a Isa. 29:14; 1 Ne. 14:7;

2 Ne. 27:26.

tsm Famerenana amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.

b 2 Ne. 10:10–11;

3 Ne. 16:4–7;

Môrm. 5:19.

d 1 Ne. 15:13–18;

3 Ne. 5:21–26; 21:7.

9a 1 Ne. 14:1–5.

b 2 Ne. 30:1–7.

d 2 Ne. 29:13–14.

e Deot. 4:31.

f tsm Fanekempihavanan’ i Abrahama.

g Gen. 12:2–3;

3 Ne. 20:27;

Abr. 2:9–11.

10a Isa. 52:10.

12a tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b tsm Haizim-panahy.

d 2 Ne. 6:10–11.

e tsm Mpamonjy.

f tsm Jehovah.

13a tsm Devoly—Ny fiangonan’ ny devoly.

b 1 Ne. 14:3, 15–17.

d 1 Ne. 21:26.

14a Lio. 21:10.

b Isa. 60:12;

1 Ne. 14:3;

F&F 109:25.

d 2 Ne. 10:13; 27:3.

e Isa. 25:12.

15 Fa indro, hoy ny mpaminany, avy faingana tokoa ny fotoana izay tsy hananan' i Satana intsony fahefana amin' ny fon' ny zanak' olombelona; fa avy tsy ho ela ny andro ka ny mpiavonavona rehetra sy ireo izay manao ratsy dia ho toy ny "mololo; ary avy ny andro izay tsy maintsy ^bhandorana azy.

16 Fa avy tsy ho ela ny fotoana izay hampidinana ny fahafe-noan' ny "fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanak' olombelona rehetra; fa tsy hamela ny olon-dratsy hamongotra ny olo-marina Izy.

17 Koa "hotsimbininy ny ^bmarina amin' ny hery na dia tsy maintsy ho tonga aza ny fahafe-noan' ny fahatezerany, ary tsy maintsy hotsimbinina ny marina na dia amin' ny famongorana ny fahavalony amin' ny afo aza izany. Koa tsy mila matahotra ny marina; fa izao no lazain' ny mpaminany, izy dia hovonjena, na dia toy ny amin' ny afo aza izany.

18 Indro lazaiko aminareo ry rahalahiko fa tsy maintsy ho avy tsy ho ela ireo zavatra ireo; eny, tsy maintsy ho tonga na ny ra na ny afo na ny eton' ny setroka; ary tsy maintsy ho tonga eto ambonin' ity tany ity izany; ary izany dia ho tonga amin' ny olona araka ny nofo raha toa ka

manamafy ny fony amin' ny Iray Masin' ny Isiraely izy.

19 Fa indro tsy ho faty ny marina; fa tsy maintsy tonga marina tokoa ny fotoana ka izay miady amin' i Ziona dia hofongorana.

20 Ary ny Tompo dia hanomana marina tokoa lalana iray ho an' ny olony ho fanatanterahana ny tenin' i Mosesy, izay nola-zainy, manao hoe: "Mpaminany iray tahaka ahy no hatsangan' ny Tompo Andriamanitrareo ho anareo; izy no hohenoinareo amin' ny zavatra rehetra izay holazainy anareo. Ary ny zavatra hitranga dia ^bhosarahina hiala avy eo anivon' ny olona izay rehetra tsy mihaino izany mpaminany izany.

21 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia milaza aminareo fa io "mpaminany izay nolazain' i Mosesy io dia ny Iray Masin' ny Isiraely; koa hanatanteraka ny ^bfitsarana amin' ny fahamarinana Izy.

22 Ary tsy mila matahotra ny marina, satria tsy ireo no ireo izay hampangaihaizina fa ny fanjakan' ny devoly kosa izay hatsangana eo anivon' ny zanak' olombelona, izay fanjakana miorina eo anivon' ireo izay ao amin' ny nofo—

23 Fa ho avy faingana tokoa ny fotoana ka ny "fiangonana rehetra izay miorina mba hahazoana harena sy ireo rehetra izay

15a Isa. 5:23–24;
Naho. 1:10; Mal. 4:1;
2 Ne. 15:24; 26:4–6;
F&F 64:23–24; 133:64.
b Sal. 21:9; 3 Ne. 25:1;
F&F 29:9.
TSM Tany—
Fandiovana ny tany.

16a 1 Ne. 14:17.
17a 2 Ne. 30:10;
Mos. 7:61.
b 1 Ne. 17:33–40.
20a Jao. 4:19; 7:40.
b F&F 133:63.
21a Deot. 18:15, 18;
Asa 3:20–23;

1 Ne. 10:4;
3 Ne. 20:23.
b Sal. 98:9;
Mos. 6:57.
23a 1 Ne. 14:10;
2 Ne. 26:20.
TSM Komiberaky
ny Mpisorona.

miorina mba hahazoana fahefana amin' ny nofo ary ireo izay miorina mba ho tonga ^bmamy hoditra eo imason' izao tontolo izao ary ireo izay mikatsaka ny filan' ny nofo sy ny zavatr' izao tontolo izao ary ny hanao ny heloka isan-karazany; eny, raha fintinina, dia ireo rehetra ireo izay an' ny fanjakan' ny devoly no ireo izay mila matahotra sy mangovitra ary ^dmihorohoro; ireo no ireo izay tsy maintsy haetry ambany eo amin' ny vovoka; ireo no ireo izay tsy maintsy ho ^elevona toy ny mololo; ary izany dia araka ny tenin' ny mpaminany.

24 Ary avy faingana tokoa ny fotoana izay tsy maintsy hitarihana ny marina toy ny ^azanak' omby ao am-bala, ary tsy maintsy manjaka sy manapaka amin-kery sy fahefana ary voninahi-dehibe ny Iray Masin' ny Isiraely.

25 Ary ^amanangona ny zanany avy amin' ny vazan-tany efatra Izy; sady manisa ny ondriny, ary ireo dia mahalala Azy; dia ho andiany iray ihany ireo sady ho iray ihany ny ^bmpiandry; ary hamahana ny ondriny Izy, ary ao Aminy no hahitan' ireo ^dahi-maitso.

26 Ary noho ny fahamarinan' ny olony dia tsy manam-pahefana i ^aSatana; koa tsy azo vahana

izy mandritra ny ^btaona maro; fa tsy manam-pahefana amin' ny fon' ny olona izy satria ireo dia mitoetra ao amin' ny fahamarinana ary ^dmanjaka ny Iray Masin' ny Isiraely.

27 Ary ankehitriny, indro izaho Nefia dia milaza aminareo fa tsy maintsy tonga izany zavatra rehetra izany araka ny nofo.

28 Nefa indro ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra hiara-honina amim-pilaminana ao amin' ny Iray Masin' ny Isiraely raha toa ka ^amibebaka amin' ny fahotany ireo.

29 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia mamarana; satria izaho dia tsy mbola sahy miresaka misimisy ny momba ireo zavatra ireo izao.

30 Koa mba tiako ry rahalahiko ny hiheveranareo fa ny zavatra izay efa voasoratra eo amin' ny ^atakela-barahina dia marina; ary ireo dia manambara fa tsy maintsy mankatò ny didin' Andriamanitra ny olona.

31 Koa tsy ilainareo ny misaina fa izaho sy ny raiko no hany olona izay nanambara ary koa nampianatra ireo. Noho izany, raha mankatò ny ^adidy ianareo sy maharitra hatramin' ny farany, dia hovonjena ianareo amin' ny andro farany. Ary dia toy iza ny no izy. Amena.

23b Lio. 6:26; Almà 1:3.
d 2 Ne. 28:19.

e 2 Ne. 26:6.

24a Amo. 6:4; Mal. 4:2;
3 Ne. 25:2.

25a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b TSM Mpiandry Ondry Tsara.

d Sal. 23.

26a Fan. 20:2;
Almà 48:17;
F&F 43:31; 45:55;
88:110; 101:28.
TSM Devoly.

b Jakôba 5:76.

d TSM Arivotaona.

28a TSM Fibebahana;
Mamela.

30a 2 Ne. 4:2.

31a Mat. 19:17.

TSM Didin' Andriamanitra.

NY BOKY FAHAROAN' I NEFIA

Ny fitantarana ny nahafatesan' i Lehia. Nikomy taminy ny rahalahin' i Nefia. Nilaza mialoha tamin' i Nefia ny Tompo mba hanainga hankany an-tany foana. Ny diany tany an-tany foana sy ny sisa.

TOKO 1

Naminany momba ny tanim-pahafahana iray i Lehia—Haely patrana ny taranany ary hokapohina raha mitsipaka ny Iray Masin' ny Isiraely—Namporisika ny zanany lahy izy hitafy ny fiarovantenan' ny fahamarinana. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zavanimitranga, nony efa nofaranako, izaho Nefia, ny fampianarana ny rahalahiko, dia nilaza zavatra maro taminy koa i Lehia “rainay ka nitantara taminy ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo taminy, tamin' ny fitondrana azy niala ny tanin' i Jerosalema.

2 Ary niresaka taminy izy ny momba ny “fikomiany teny ambony rano sy ny famindram-pon' Andriamanitra tamin' ny fitsimbinana ny ainy mba tsy ho voatelin' ny ranomasina.

3 Ary niresaka taminy koa izy ny momba ny tany nampanantenaina izay efa azony —ny mahafeno famindram-po ny Tompo tamin' ny nampilazany mialoha

taminay mba handosiranay ny tanin' i Jerosalema.

4 Fa indro, hoy izy, efa nahita “fahitana iray aho ka fantatro araka izany fa rava i ^bJerosalema; ary raha nitoetra tao Jerosalema isika dia tokony ho efa “fongana ihany koa.

5 Nefa, hoy izy, na dia teo aza ny fahoriantika, dia nahazo ny “tany nampanantenaina isika, dia tany ^bnofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra; tany izay efa nifaneken' ny Tompo Andriamanitra tamiko fa ho tany lovan' ny taranako. Eny, efa “nifaneken' ny Tompo mandrakizay ity tany ity ho ahy sy ho an' ny zanako ary koa ho an' ireo rehetra izay hotarihin' ny tanan' ny Tompo hiala avy any an-tany hafa.

6 Noho izany, izaho Lehia dia maminany araka ny asan' ny Fanahy izay ato anatiko fa “tsy hisy olona ho tonga eto amin' ity tany ity raha tsy efa hoentiny ny tanan' ny Tompo izy.

7 Noho izany, ity “tany ity dia atokana ho an' izay hoentiny. Ary raha toa ka manompo Azy izy araka ny didy izay efa nomeny, dia ho tanim-^bpahafahana

[2 NEFIA]

1 1a TSM Patriarika.

2a 1 Ne. 18:9–20.

4a TSM Fahitana.

b 2 Mpan. 24:14–15;

Jer. 44:2; 1 Ne. 1:4;

Hel. 8:20.

d Almà 9:22.

5a TSM Tany

Nampanantenaina.

b Etera 2:9–10.

d TSM Fanekempihava-

nana.

6a 2 Ne. 10:22.

7a Mòsià 29:32;

Almà 46:10, 20.

b 2 Ne. 10:11.

TSM Fahalalahana.

ho azy izany; noho izany izy dia tsy hoentina ho babo na oviana na oviana; fa raha izany kosa no mitranga, izany dia noho ny heloka; satria raha ^dmiavosa ny heloka, dia ho voaozona ny tany noho ny olo-meloka, fa hotahiana mandrakizay kosa izany ho an' ny olo-marina.

8 Ary indro fahendrena ny mbola hitehirizana ity tany ity tsy ho fantatry ny firenen-kafa hatramin' izao; fa indro firenena maro no hanafotra ny tany ka tsy hisy faritra holovana.

9 Noho izany, izaho Lehia dia efa nahazo fampantanenana fa ^araha mbola mitandrana ny didiny koa ireo izay hoentin' ny Tompo Andriamanitra hiala ny tanin' i Jerosalema, dia ^bhiroborobo eo ambonin' ity tany ity izy; ary hotehirizina amin' ny firenen-kafa rehetra izy mba hahazoany mizaka ity tany ity ho azy samirery. Ary raha toa ka ^dmitandrana ny didiny izy dia hotahiana eo ambonin' ity tany ity ary tsy hisy handratra azy na haka ny tany lovany, ary dia honina soa aman-tsara eo mandrakizay izy.

10 Nefa indro, raha avy ny fotoana izay hihemorany ao amin' ny tsy finoana rehefa avy nandray fitahiana lehibe tokoa avy tamin' ny tanan' ny Tompo— rehefa nahazo fahalalana momba ny nahariana ny tany sy ny olon-drehetra, ka nahafantatra

ny asa lehibe sy mahatalanjona nataon' ny Tompo hatry ny nahariana izao tontolo izao; rehefa nahazo ny fahefana nomena azy mba hanaovany ny zava-drehetra amin' ny finoana; rehefa nahazo ny didy rehetra hatrany am-piandohana sy rehefa nentina tamin' ny hatsaram-pony tsy hita lany hankamin' ity tany nampanantenaina sarobidy ity— dia indro, hoy aho, fa raha ho avy ny andro izay handavany ny Iray Masin' ny Isiraely, ilay tena ^aMesia, ilay Mpanavotra azy sy Andriamaniny, dia indro hihatra aminy ny famalian' ilay Marina.

11 Eny, hitondra ^afirenena hafa hankeo aminy Izy ary hanome fahefana ireny, ary hoesoriny aminy ny tany tsy ho fananany ary hataony ny ^bhampielezana sy hikapohana azy.

12 Eny, ny taranaka izay mi-fandimby dia ho tojo ^afandatsahan-dra sy antambo lehibe eo anivony; noho izany anaka dia mba tiako ny hitadidinareo; eny mba tiako ny hihainoanareo ny teniko.

13 Inay anie ianareo mba hifoha; hifoha amin' ny torimaso lalina, eny, dia ny torimason' ny ^ahelo izany sy manifika ny ^bgadra mahatsiravina izay ifatoranareo, dia ny gadra izay ifatoran' ny zanak' olombelona ka dia entina babo izy hidina ao ^dan-davaka mandrakizain' ny fahantrana sy ny fahoriana.

7d Almà 45:10–14, 16;

Môrm. 1:17;

Etera 2:8–12.

9a 2 Ne. 4:4; Almà 9:13.

b Deot. 29:9.

d TSM Mankatò.

10a TSM Mesia.

11a 1 Ne. 13:12–20;

Môrm. 5:19–20.

b 1 Ne. 22:7.

12a Môrm. 1:11–19; 4:11.

13a TSM Helo.

b Almà 12:9–11.

d 1 Ne. 15:28–30;

Hel. 3:29–30.

14 Mifohaza! ary miarena avy eo amin' ny vovoka, ary henoy ny tenin' ity "ray mihararetra izay tsy ho ela ny tsy maintsy hampandrianareo ny rantsambatany ao ^bam-pasana mamananala sy mangina, dia ny fasana izay tsy ahafahan' ny mpivahiny miverina ilalana; andro vitsivitsy sisa dia hihazo ny ^dlalana falehan' ny tany rehetra aho.

15 Nefa indro, efa "navotan' ny Tompo tamin' ny helo ny fanahiko; efa nahita ny voninahiny aho sy efa sakambininy mandrakizay amin' ireo ^bsandrim-^dpitiavany.

16 Ary maniry aho mba hotadidinareo ny hankatò ny "fitsipika sy ny didin' ny Tompo; indro izany no efa fitaintainan' ny fanahiko hatrany am-piandohana.

17 Efa novesaran' alahelo ombieny ombieny ny foko, satria natahotra aho fandrao noho ny hamafin' ny fonareo dia ho tonga aminareo amin' ny fahafenoan' ny "fahatezerany ny Tompo Andriamanitrareo ka dia ^bhoesorina ianareo hiala ary ho fongotra mandrakizay;

18 Na fandrao hihatra aminareo ny ozona, ary izany dia mandritra ireo "taranaka maro; ary dia hovangiana amin' ny sabatra sy amin' ny mosary ianareo ary

hankahalaina sy hoentina araka ny sitrapo sy ny fambaboan' ny ^bdevoly.

19 Enga anie anaka ka tsy hihatra aminareo ireo zavatra ireo, fa eng a nie kosa ka ho olona "voafidy sy hankasitrahan' ny Tompo ianareo. Nefa indro, atao anie ny sitrapony; fa fahamari-nana mandrakizay ny ^blalany.

20 Ary efa niteny Izy fa: "Raha mbola mitandrana ny ^bdidiko ianareo dia ^dhiroborobo amin' ny tany; nefa raha tsy mitandrana ny didiko ianareo, dia hoesorina hiala tsy ho eo anatrehako.

21 Ary ankehitriny, mba hahazoan' ny fanahiko hanana fifaliana aminareo sy hahazoan' ny foko mandao ity izao tontolo izao ity amim-pifaliana noho ny aminareo ka tsy ho fahoriana sy alahelo no hampandry ahy any am-pasana, dia miarena avy eo amin' ny vovoka anaka ary aoka ho "lehilahy miorina ao amin' ny ^bsaina iray sy ao amin' ny fo iray, miray hina amin-java-drehetra mba tsy havarina any amin' ny fahababoana ianareo;

22 Mba tsy ho voaozona amin' ny ozona mahatsiravina ianareo; ary koa mba tsy hihatra aminareo ny tsy fahafalian' ilay "Andriamanitra marina, hatrany

14a TSM Ray Aman-dreny.
b TSM Fahafatesan' ny Vatana.
d Jos. 23:14.
15a Almà 36:28.
TSM Sorompanavotana.
b Jakôba 6:5; Almà 5:33;
3 Ne. 9:14.
d Roma. 8:39.
TSM Fitiavana.

16a Deot. 4:5–8;
2 Ne. 5:10–11.
17a 2 Ne. 5:21–24;
Almà 3:6–19.
b Môsià 12:8.
18a 1 Ne. 12:20–23.
b TSM Devoly.
19a TSM Voafidy
(matoantenany na anarana).
b Hosea 14:9.

20a Jarôma 1:9;
Môsià 1:6–7;
Almà 9:13–14.
b Lev. 26:3–14;
Joe. 2:23–26.
d Sal. 67:6;
Môsià 2:21–25.
21a 1 Sam. 4:9;
1 Mpan. 2:2.
b Mos. 7:18.
22a F&F 3:4.

amin' ny fandringanana, eny, ny fandringanana mandrakizain' ny fanahy sy ny vatana.

23 Mifohaza, anaka; tafio ny "fiarovantenan' ny fahamari-nana. Akifiho ny gadra izay ifatoranareo ary mivoaha avy ao amin' ny haizina sy miarena avy eo amin' ny vovoka.

24 Aza mikomy intsony amin' ny rahalahinareo izay feno voninahitra ny fitsinjovany sy izay efa nitandrina ny didy hatramin' ny fotoana izay nandaozantsika an' i Jerosalema; ka natao fitaovana teo am-pelatanan' Andriamanitra tamin' ny fitondrany antsika nankatỳ amin' ny tany nampanantenaina; fa raha tsy noho ny aminy, dia tsy maintsy ho efa "maty mosary tany antany foana isika; kanefa dia nitady ny ^bhanala ny ainy ianareo; eny, ary efa niaritra fahoriana be izy noho ny aminareo.

25 Ary matahotra izaitsizy tokoa aho ary mangovitra noho ny aminareo, fandrao hijaly indray izy; fa indro efa nampangainareo izy ho nikatsaka fahefana sy fanapahana taminareo; fantatro anefa fa tsy nitady fahefana na "fanapahana taminareo izy fa efa nikatsaka kosa ny voninahitr' Andriamanitra sy ny fiadanana-reo mandrakizay.

26 Ary efa nimonomonona ianareo satria tsy nisorona taminareo izy. Milaza ianareo fa naneho "fahasiahana izy; milaza

ianareo fa tezitra taminareo izy; nefa indro ny fahasiahany dia ny fahasiahan' ny herin' ny tenin' Andriamanitra izay tao aminy; ary izay antsoinareo hoe fahatezerana dia ny fahamarinana araka izay ao amin' Andriamanitra izay tsy hainy tohaina fa maneho amim-pahasahiana ny helokareo.

27 Ary tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy iarahan' ny "herin' Andriamanitra aminy, na dia hatramin' ny fandidiany anareo aza izany ka dia tsy maintsy mankatò ianareo. Nefa indro, tsy izy fa ny ^bFanahin' ny Tompo kosa izay tao aminy no "nanokatra ny vavany mba hiteny ka dia tsy hainy nakombona izany.

28 Ary ankehitriny anaka, ry Lamàna ary koa ry Lemoela sy Samy ary koa ianareo zanako lahy izay zanakalahin' i Ismaela, indro, raha mety mihaino ny feon' i Nefia ianareo dia tsy ho faty. Ary raha mety mihaino azy ianareo dia avelako aminareo ny "tso-drano iray, eny, dia ny tso-dranoko voalohany izany.

29 Nefa raha tsy mety mihaino azy ianareo dia hotsoahiko ny "tso-dranoko voalohany, eny, dia ny tso-dranoko izany, ka hitoe-tra aminy.

30 Ary ankehitriny miteny aminao aho ry Zôrama: Indro "mpanompon' i Labàna ianao; kanefa dia nentina niala ny tannin' i Jerosalema, ary fantatro fa

23a Ef. 6:11-17.

24a 1 Ne. 16:32.

b 1 Ne. 16:37.

25a Gen. 37:9-11.

26a Ohab. 15:10;

1 Ne. 16:2;

Môrô. 9:4;

F&F 121:41-43.

27a 1 Ne. 17:48.

b F&F 121:43.

d F&F 33:8.

28a TSM Fizokiana.

29a Abr. 1:3.

30a 1 Ne. 4:20, 35.

tena sakaizan' i Nefia zanakao mandrakizay ianao.

31 Koa satria efa nahatoky ianao, dia hotahiana “miaraka amin’ ny taranany ny taranakao ka hitoetra ao amin’ ny firoboroana maharitra eo ambonin’ ity tany ity ireo; ary tsy hisy na inona na inona hanimba na hanohintohina mandrakizay ny firoboroboany eo ambonin’ ity tany ity afa-tsy ny helony ihany.

32 Koa raha mitandrana ny didin’ ny Tompo ianareo, ny Tompo efa nanokana ity tany ity ho azo antoka ho an’ ny taranakao mbamin’ ny taranaky ny zanakao lahy.

TOKO 2

Ny fahatongavan’ ny fanavotana amin’ ny alalan’ ny Mesia Masina —Ny fahafahana misafidy (ny maha-tompon-tsafidy) no ilaina amin’ ny fahavelomana sy ny fivoarana —Lavo i Adama mba hisian’ ny olona —Ny fahafahan’ ny olona misafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay. Tokony ho 588–570 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny miteny aminao aho ry Jakôba: Ianao no “lahimatoako tamin’ ny androm-pahoriako tany an-tany foana. Ary indro fa efa niaritra fahoriana sy alahelo betsaka ianao tamin’ ny fahazazanao noho ny halozan’ ny rahalahinao.

2 Kanefa ry Jakôba, ry lahimatoako tany an-tany foana, fantatrao ny fahalehibeazan’ Andriamanitra; ary Izy hano-kana ny fahorianao ho tombontsoanao.

3 Koa hotahiana ny fanahinao, ary hiara-honina tsy amin’ ahiahy amin’ i Nefia rahalahinao ianao; ary holaniana amin’ ny fanompoana ny Andriamanitrao anie ny andronao. Noho izany dia fantatro fa efa voavotra ianao noho ny fahamarinan’ ny Mpanavotra anao; satria efa hitanao fa amin’ ny fahafenoan’ ny fotoana dia ho avy Izy mba hitondra famonjena ho an’ ny olona.

4 Ary efa nahita ny “voninahiny ianao tamin’ ny fahatanoranao; koa hotahiana ianao toy ireo izay hotompoiny araka ny nofo; satria tsy miova ny Fanahy omaly sy anio ary mandrakizay. Ary efa voamana hatry ny fahala-voan’ ny olona ny lalana ary ^bmaimaim-poana ny fanavotana.

5 Ary ampy tokoa ny fahalalan’ ny olona mba “hahalalany ny tsara amin’ ny ratsy. Ary omena ny olona ny lalàna. Ary tsy misy nofo ^bamarinina noho ny lalàna na olona ^desorina hiala noho ny lalàna. Eny, noho ny lalàn’ ny tany, dia nesorina izy hiala; ary koa noho ny lalàn’ ny fanahy dia maty izy, tafasaraka tamin’ izay tsara ary zary fadiranovana mandrakizay.

31a 2 Ne. 5:6.

2 1a 1 Ne. 18:7.

4a 2 Ne. 11:3; Jakôba 7:5.

^b TSM Fahasoavana.

5a Môrô. 7:16.

^b Roma. 3:20;

2 Ne. 25:23;

Almà 42:12–16.

TSM Manamarina.

^d 1 Ne. 10:6;

2 Ne. 9:6–38;

Almà 11:40–45;

12:16, 24; 42:6–11;

Hel. 14:15–18.

6 Noho izany, ny “fanavotana dia tonga amin’ ny alàlan’ ny ^bMesia Masina sy ao Aminy; satria feno “fahasoavana sy fahamarinana Izy.

7 Indro manolotra ny tenany Izy ho “sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian’ ny lalàna ho an’ ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina; ary tsy azo efaina amin’ olon-kafa afa-tsy Aminy ny ^bfitakian’ ny lalàna.

8 Noho izany, dia manan-danja lehibe erỳ ny fampahafantarana ny mponina eto an-tany ireo zavatra ireo mba hahafantarany fa tsy misy nofo izay afaka mitotra eo anatrehan’ Andriamanitra “raha tsy noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan’ ny Mesia Masina izay manolotra ny ainy araka ny nofo sy maka izany indray amin’ ny herin’ ny Fanahy mba hahazoany manatanteraka ny ^bfitsanganana amin’ ny maty ka Izy no santatra izay hitsangana amin’ ny maty.

9 Noho izany dia Izy no voaloham-bokatra ho an’ Andriamanitra, satria hanao “fanalalàna ho an’ ny zanak’ olombelona rehetra Izy; ary izay mino Azy no hovonjena.

10 Ary noho ny fanalalàna

ho an’ ny “rehetra dia hanatona an’ Andriamanitra ny olon-drehetra; koa mijoro eo anoloany ireo mba ^bhotsarainy araka ny fahamarinana sy “fahamasinana izay ao Aminy. Noho izany, ny fitakian’ ny lalàna izay efa nomen’ ny Iray Masina dia ny fampiharana ny famaizana izay voatovana, ny famaizana izay voatovana dia mifanohitra amin’ ny fahasambaranana izay voatovana, mba hanefana ny fitakian’ ny “sorompanavotana—

11 Satria tsy maintsy ilaina ny hisian’ ny “fifanoherana amin’ ny zava-drehetra. Raha tsy izany, ry lahimatoako tany an-tany foana, dia tsy ho azo notanterahina ny fahamarinana na ny faharatsiana na ny fahamasinana na ny fahoriana na ny tsara na ny ratsy. Noho izany ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ilaina ho fitambarana ho iray; noho izany raha toa izy ka vatana iray, dia tsy maintsy ilaina izy hijanona ho toy ny maty, fa sady tsy manana fahavelomana izy no tsy manana fahafatesana na fahalovana na tsy fahalovana, na fahasambaranana na fahoriana, na faharenesana na fahadontoana.

12 Noho izany, dia tsy maintsy ilaina izy ho voaary toy ny zavatra tsinontsinona; koa tsy

6a 1 Ne. 10:6;
2 Ne. 25:20;
Almà 12:22-25.
TSM Drafitry ny
Fanavotana.
b TSM Mesia.
d Jao. 1:14, 17;
Mos. 1:6.
7a TSM Sorompanavotana.

b Roma. 10:4.
8a 2 Ne. 25:20; 31:21;
Môsià 4:8; 5:8;
Almà 38:9.
b 2 Tan. 15:20;
Almà 7:12; 12:24-25;
42:23.
TSM Fitsanganana
amin’ ny Maty.
9a Isa. 53:1-12;

Môsià 14:12; 15:8-9.
10a TSM Mpanavotra.
b TSM Fitsarana
Farany, Ny.
d TSM Fahamasinana.
e 2 Ne. 9:7, 21-22, 26;
Almà 22:14; 33:22;
34:9.
11a F&F 29:39; 122:5-9.
TSM Fahoriana.

ho nisy “zava-kinendry tamin’ ny namoronana azy. Noho iza-ny dia tsy maintsy ilain’ izany zavatra izany ny mandrava ny fahendren’ Andriamanitra sy ny fikasany mandrakizay, ary koa ny hery sy ny famindram-po ary ny ^bfahamarinan’ Andriamanitra.

13 Ary raha milaza ianareo fa “tsy misy lalàna, dia milaza koa ianareo fa tsy misy ota. Raha milaza ianareo fa tsy misy fahotana, dia milaza koa ianareo fa tsy misy fahamarinana. Ary raha tsy misy fahamarinana dia tsy misy fahasambarana. Ary raha tsy misy na fahamarinana na fahasambarana, dia tsy misy na famaizana na fahoriana. Ary raha tsy misy ireo zavatra ireo, dia ^btsy misy Andriamanitra. Ary raha tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy na isika na ny tany; satria tsy ho nisy ny fahariana ny zavatra na ny mihetsika na ny hetsehina izany; noho iza-ny dia tsy maintsy ho nanjavona ny zava-drehetra.

14 Ary ankehitriny anaka, resahiko anareo ireo zavatra ireo ho tombontsoanareo sy ho fianarana ho anareo; satria misy Andriamanitra, ary Izy efa “nahary ny zava-drehetra, na ny lanitra na ny tany sy ny zava-drehetra

eo aminy, na ny zava-mihetsika na ny zavatra ^bhetsehina.

15 Ary mba hahatontosa ny “fikasany mandrakizay momba ny ho avin’ olombelona, rehefa avy nohariany ny ray aman-drenintsika voalohany sy ny biby tany an-tsaha ary ny voron’ ny habakabaka, raha fintinina, ny zavatra rehetra izay ary, dia tsy maintsy ilaina ny hisian’ ny fifanoherana; na dia ny ^bvoankazo “voarara aza dia mifanohitra amin’ ny ‘hazon’ aina, ny iray mamy ary ny iray kosa mangidy.

16 Koa nomen’ ny Tompo Andriamanitra ny olombelona ny fahafahana “hanao araka ny safidiny. Koa tsy ho afaka nanao araka ny safidiny ny olombelona raha tsy efa ^bnotaomin’ itsy voalohany na ity faharoa.

17 Ary izaho Lehia, araka ny zavatra izay efa novakiako, dia tsy maintsy ilaina aho hihevitra fa ny “anjelin’ Andriamanitra anankiray, araka izay efa voasoratra, dia efa ^blatsaka avy tany an-danitra; noho izany dia lasa ^ddevoly izy fa efa nikatsaka izay ratsy teo anoloan’ Andriamanitra.

18 Ary satria efa latsaka avy tany an-danitra izy ary efa tonga fadiranovana mandrakizay, dia “nokatsahiny koa ny fahorian’

12a F&F 88:25–26.

tsm Tany—
Nohariana ho an’
ny olona.

^b tsm Fahamarinana.

13a 2 Ne. 9:25.

^b Almà 42:13.

14a tsm Fahariana.

^b F&F 93:30.

15a Isa. 45:18; Almà 42:26;

Mos. 1:31, 39.

^b Gen. 3:6;

Almà 12:21–23.

^d Gen. 2:16–17;

Mos. 3:17.

^e Gen. 2:9;

1 Ne. 15:22, 36;

Almà 32:40.

16a 2 Ne. 10:23;

Almà 12:31.

tsm Safidy.

^b F&F 29:39–40.

17a tsm Devoly.

^b Isa. 14:12; 2 Ne. 9:8;

Mos. 4:3–4;

Abr. 3:27–28.

^d tsm Devoly.

18a 2 Ne. 28:19–23;

3 Ne. 18:18;

F&F 10:22–27.

ny olombelona rehetra. Izany no nilazany tamin' i ^bEva, eny, izy ilay menarana fahizay, izay ny devoly, izay rain' ny ^dlainga rehetra, izany no nilazany hoe: Mihinàna amin' ny voankazo voarara ary tsy ho faty ianareo fa ho tahaka an' Andriamanitra kosa "mahalala ny tsara sy ny ratsy.

19 Ary rehefa avy "nihinana tamin' ny voankazo voarara i Adama sy i Eva dia noroahina hiala ny saha ^bEdena izy ireo mba hiasa ny tany.

20 Ary dia nanan-janaka izy ireo; eny, izany no "fianakavian' ny tany manontolo.

21 Ary nohalavaina ny andron' ny zanak' "olombelona araka ny sitrapon' Andriamanitra mba hahazoany ^bmibebaka raha mbola ao amin' ny nofo; noho izany ny toetrany dia nanjary toetry ny ^dfisedrana, ary nohalavaina ny fotoany araka ny didy nomen' ny Tompo Andriamanitra ny zanak' olombelona. Satria nomeny ny didy fa tsy maintsy mibebaka ny olon-drehetra; satria naseho-ny ny olon-drehetra fa efa "very izy noho ny fandikan-dalàn' ny ray aman-dreniny.

22 Ary ankehitriny, indro fa raha tsy nandika lalàna i Adama dia tsy ho lavo izy fa ho tafa-

toetra kosa tao amin' ny saha Edena. Ary ny zavatra rehetra izay nohariana dia tsy maintsy ho tafajanona araka ny toetra izay nananany taorian' ny nahariana azy ireny; ary dia tsy maintsy ho tafajanona ho toy izany mandrakizay ireny ka tsy ho nanam-piafarana.

23 Ary dia tsy ho nanan-^ajanaka izy ireo; noho izany izy ireo dia ho tafajanona tamin' ny toetry ny tsy fananan-tsiny, tsy nanampifaliana satria tsy nahalala fahoriana; tsy nanao ny tsara satria tsy nahafantatra ny fahotana.

24 Nefa indro fa ny zava-drehetra dia efa natao araka ny fahendren' Ilay "mahafantatra ny zava-drehetra.

25 "Lavo i ^bAdama mba ^dhisian' ny olona; ary misy ny olona mba hahazo "fifaliana.

26 Ary avy ny "Mesia amin' ny fahafenoan' ny fotoana mba hahazoany ^bmanavotra ny zanak' olombelona amin' ny fahalavoana. Ary satria avotana amin' ny fahalavoana izy dia efa tonga ^dafaka mandrakizay, mahalala ny tsara sy ny ratsy; mihetsika ho azy fa tsy etsehina, afa-tsy amin' ny famaizan' ny "lalàna amin' ny andro lehibe sady farany, araka ny didy izay efa nomen' Andriamanitra.

18b TSM Eva.

d 2 Ne. 28:8; Mos. 4:4.

e Gen. 3:5; Almà 29:5; Môrô. 7:15–19.

19a Almà 12:31.

TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

b TSM Edena.

20a F&F 138:38–39.

21a Almà 12:24;

Mos. 4:23–25.

b Almà 34:32.

TSM Fibebahana.

d TSM Mety Maty.

e Jakôba 7:12.

23a Mos. 5:11.

24a TSM Andriamanitra.

25a Mos. 6:48.

TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

b TSM Adama.

d TSM Mety Maty.

e Mos. 5:10.

TSM Fifaliana; Olona.

26a TSM Mesia.

b TSM Drafitry ny Fanavotana.

d Almà 42:27;

Hel. 14:30.

e TSM Lalàna.

27 Noho izany dia “afaka ny olona araka ny nofo; ary omena azy ny zavatra rehetra izay ilain’ ny olona. Ary afaka izy na ^bhifidy ny fahafahana sy ny ^dfiainana mandrakizay amin’ ny alalan’ Ilay Mpanalalana lehiben’ ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fambaboana sy ny fahefan’ ny devoly; satria katsahiny ny hahatonga ny olon-drehetra ho ory tahaka azy.

28 Ary ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hiandrandrana-reo Ilay “mpanalalana lehibe sy hihainoanareo ny didiny lehibe; ary ho mahatoky amin’ ny teniny ianareo ka hifidiananareo ny fiainana mandrakizay araka ny sitrapon’ ny Fanahiny Masina;

29 Ary tsy hifidiananareo ny fahafatesana mandrakizay araka ny sitrapon’ ny nofo sy ilay ratsy izay ao anatiny, izay manome fahefana ny fanahin’ ny devoly mba “hambabo sy hitondra anareo midina any amin’ ny ^bhelo hahazoany manapaka aminareo ao amin’ ny fanjakana ihany.

30 Efa nolazaiko anareo rehetra, anaka, ireo teny vitsivitsy ireo amin’ izao andro faran’ ny fise-drana ahy izao; ary efa nifidy ny anjara tsara aho araka ny tenin’ ny mpaminany. Ary tsy manana tanjona hafa aho afa-tsy ny fiadanana maharitra mandrakizay ho an’ ny fanahinareo. Amena.

TOKO 3

Nahita ny Nefita tamin’ ny fahitana i Josefa tany Egypta—Naminany ny momba an’ i Joseph Smith mpanahita amin’ ny andro farany izy; ny momba an’ i Mosesy izay hanafaka an’ i Isiraely; ary ny momba ny fivoahan’ ny Bokin’ i Môrmôna. Tokony ho 588–570 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny miteny aminao aho ry Jôsefa “faralahiko. Tera-ka tany an-tany foana izay nahory ahy ianao; eny, tamin’ ny andro tena nahabetsaka indrindra ny alaheloko no nitondran’ ny reninao am-bohoka anao.

2 Ary ny Tompo anie hanokana ho anao koa ity “tany ity izay tany sarobidy indrindra, mba ho lovanao sy ho lovan’ ny taranakao mbamin’ ny rahalahinao, mba ho fiadananao mandrakizay, raha toa ka mitandrana ny didin’ ny Iray Masin’ ny Isiraely ianareo.

3 Ary ankehitriny ry Jôsefa faralahiko izay nentiko niala ny tany foana nahory ahy, ny Tompo anie hitahy anao mandrakizay fa tsy ho “fongana tanteraka ny taranakao.

4 Satria indro nateraky ny kiboko ianao; ary izaho dia anisan’ ny tamingan’ i “Josefa izay nentina ho ^bbabo tany Egypta. Ary lehibe ny fanekempihavanan’ ny

27a Gal. 5:1; Mos. 6:56.

b TSM Safidy.

d TSM Fiainana

Mandrakizay.

28a TSM Mpanalalana.

29a Roma. 6:16–18;

Almà 12:11.

b TSM Helo.

3 1a 1 Ne. 18:7.

2a 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

3a 2 Ne. 9:53.

4a Gen. 39:1–2; 45:4;

49:22–26;

1 Ne. 5:14–16.

b Gen. 37:29–36.

Tompo izay nataony tamin' i Josefa.

5 Koa “nahita marina tokoa ny androntsika i Josefa. Ary nahazo ny fampantanenana avy tamin' ny Tompo izy fa avy amin' ny hateraky ny kibony no hananganan' ny Tompo Andriamanitra ^bsampana “marina iray ho an' ny mpianakavin' i Isiraely; tsy ny Mesia fa sampana iray kosa izay hotapahina hiala kanefa dia hotsarovana ao amin' ny fanekempihavanan' ny Tompo fa ny “Mesia dia haneho ny tenany aminy amin' ny andro farany, ao amin' ny fanahin' ny faherezana amin' ny hitondrana azy hiala amin' ny ^fhaizina ho amin' ny hazavana — eny, hiala amin' ny haizina mikitroka sy amin' ny fahababoana ho amin' ny fahafahana.

6 Fa nambaran' i Josefa marina tokoa nanao hoe: “Mpahita iray no hatsangan' ny Tompo Andriamanitra, izay ho mpahita nofinidy ho an' ny nateraky ny ^bkiboko.

7 Eny, niteny marina tokoa i Josefa hoe: Izao no lazain' ny Tompo amiko: “Mpahita nofinidy iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao; ary hohajaina fatratra tokoa izy eo anivon' ny nateraky ny kibonao. Ary izy no homeko didy

mba hanaovany asa iray ho an' ireo naloaky ny kibonao, izay rahalahiny, dia asa iray izay hanan-danja lehibe ho azy ireo fa hitondra azy ireo ho amin' ny fahalalana ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny razanao.

8 Ary Izaho hanome didy azy mba “tsy hanaovany asa hafa, afa-tsy ny asa izay handidiako azy. Ary Izaho hahatonga azy ho lehibe eo imasoko; satria hanao ny asako izy.

9 Ary izy ho lehibe tahaka an' i “Mosesy izay efa nolazaiko fa hatsangako ho anao, ry mpianakavin' i Isiraely, mba ^bhanafaka ny oloko.

10 Ary i Mosesy no hatsangako mba hanafaka ny olonao hiala ny tany Egipta.

11 Nefa mpahita iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao; ary izy no homeko “fahefana hitondra ny teniko ho an' ireo taranaky ny kibonao — ary tsy ny hitondra ny teniko ihany hoy ny Tompo fa ny handresy lahatra azy ireo amin' ny teniko izay efa hiparitaka sahadidy eo anivony.

12 Koa “hanoratra ny nateraky ny kibonao; ary ^bhanoratra ny nateraky ny kibon' i “Joda; ary izay hosoratan' ny nateraky ny kibonao ary koa izay hosorata-

5a DJS Gen. 50:24–38;

2 Ne. 4:1–2.

b Gen. 49:22–26;

1 Ne. 15:12; 19:24.

TSM Tanimbolin' ny Tompo.

d Jakôba 2:25.

e 2 Ne. 6:14;

F&F 3:16–20.

f Isa. 42:16.

6a 3 Ne. 21:8–11;

Môrm. 8:16.

TSM Mpahita.

b F&F 132:30.

7a TSM Smith, Joseph, zanany

8a F&F 24:7, 9.

9a Mos. 1:41.

b Eks. 3:7–10;

1 Ne. 17:24.

11a F&F 5:3–4.

12a TSM Bokin' i

Môrmôna.

b TSM Baiboly.

d 1 Ne. 13:23–29.

n' ny nateraky ny kibon' i Joda dia hitambatra hanaporofaana ny "mahadiso ny fotopampianarana sandoka sy hampitsaharana ny fifandirana ary hampiorehana fandriampahalemana eo anivon' ny nateraky ny kibonao, ary 'hitondrana azy ireo ho amin' ny ^sfahalalana ny razany amin' ny andro farany ary koa ho amin' ny fahalalana ny fanekempihavanako, hoy ny Tompo.

13 Ary ao amin' ny fahalemeny no hanatanjahana azy amin' ny andro izay hanombohan' ny asako eo anivon' ny oloko rehetra amin' ny fampodiako anao amin' ny laoniny ry mpianakavin' i Isiraely, hoy ny Tompo.

14 Ary dia naminany toy izao i Josefa, nanao hoe: Indro hotahian' ny Tompo io mpahita io; ary izay mikatsaka ny handringana azy dia hampangaihaizina; satria izany fampantanenana izay efa azoko tamin' ny Tompo momba ny nateraky ny kiboko izany dia ho to. Indro, azoko antoka ny fahatanterahan' izany fampantanenana izany;

15 Ary hantsoina araka ny anarako ny "anarany; ary izany dia ho araka ny ^banaran-drainy. Ary hanahaka ahy izy; satria ny zavatra izay havoakan' ny Tompo amin' ny tanany noho ny herin' ny Tompo, dia hitondra ny oloko ho amin' ny famonjena.

16 Eny, dia naminany toy izao

i Josefa: Azoko antoka izany zavatra izany, toy ny ahazoako antoka ny fampantanenana an' i Mosesy; satria efa nilaza tamiko ny Tompo hoe: "Hotehiriziko mandrakizay ny taranakao.

17 Ary efa nilaza ny Tompo hoe: Izaho hanangana Mosesy iray; ary homeko hery ao amin' ny tehina izy; ary homeko fandanjalanjana izy hanoratany. Kanefa tsy hovahako ny lelany mba hitenenany be satria tsy hataoko mahery amin' ny teny izy. Nefa ny rantsantanako no "hanoratra aminy ny lalàko; ary homeko ^bmpitondrateny izy.

18 Ary nilaza tamiko koa ny Tompo hoe: Izaho hanangana mpahita iray ho an' ny nateraky ny kibonao; ary homeko mpitondrateny izy. Ary indro, Izaho hanome azy mba hanoratany ny soratry ny nateraky ny kibonao, ho an' ny nateraky ny kibonao; ary ny mpitondratenin' ny kibonao no hilaza izany.

19 Ary ny teny izay hosoratany dia ny teny izay mahasoana araka ny fahendreko ka tokony hiam-pita any amin' ny nateraky ny kibonao. Ary izany dia ho toy ny efa niantsoan' ny "nateraky ny kibonao azy ireo ^bavy tamin' ny vovoka; satria Izaho mahafantatra ny finoany.

20 Ary "hiantsoantso avy amin' ny vovoka ireo; eny dia fibebahana ho an' ireo rahalahiny na

12e Ezek. 37:15–20;
1 Ne. 13:38–41;
2 Ne. 29:8; 33:10–11.
f Môrô. 1:4.
g 1 Ne. 15:14;
2 Ne. 30:5;
Môrm. 7:1, 5, 9–10.

15a F&F 18:8.
b JS—T 1:3.
16a Gen. 45:1–8.
17a Deot. 10:2, 4;
Mos. 2:1.
b Eks. 4:16.
19a F&F 28:8.

b Isa. 29:4;
2 Ne. 27:13; 33:13;
Môrm. 9:30;
Môrô. 10:27.
20a 2 Ne. 26:16;
Môrm. 8:23.

dia taranaka maro aza no efa nifandimby tatỳ aoriany. Ary ny zavatra hitranga dia handre ny antsoantsony ireo na dia araka ny fahatsoran' ny teniny aza.

21 Noho ny finoany, ny "teniny dia hiloaky ny vavako hankany amin' ny rahalahiny izay nateraky ny kibonao; ary ny fahalemen' ny teniny dia hohatanjahiko ao amin' ny finoany ho fahatsiarovana ny fanekempihavanako izay nataoko tamin' ny razanao.

22 Ary ankehitriny indro, ry Jôsefa zanako, fa araka izany fomba izany no "naminanian-draiko fehizay.

23 Noho izany dia hotahiana ianao noho io fanekempihavanana io; fa ny taranakao dia tsy hofongorana noho izy hankatò ny tenin' ny boky.

24 Ary hitsangana eo anivony ny lehilahy mahery iray izay hanao soa betsaka na amin' ny teny na amin' ny asa, noho izy fitaovana eo am-pelatanan' Andriamanitra ary mihoa-pampana ny finoany ka mahavita fahagagana makadiry sy manao ity zavatra ity izay lehibe eo imason' Andriamanitra izy, amin' ny fanatanterahana ny fampodiana zavatra betsaka amin' ny laoniny ho an' ny mpianakavin' i Isiraely sy ho an' ny taranak' ireo rahalahinao.

25 Ary ankehitriny, hotahiana ianao ry Jôsefa. Indro, kely ianao; noho izany dia henoy ny tenin' i Nefia rahalahinao, dia ho tanteraka aminao araka ny teny izay efa nolazaiko. Tsarovy

ny tenin' ity rainao efa miala aina. Amena.

TOKO 4

Nanoro hevitra sy nitso-drano ny taranany i Lehia—Nodimandry izy ary nalevina—Nifaly tamin' ny hatsaram-pon' Andriamanitra i Nefia—Nametraka mandrakizay ny fitokiany tamin' Andriamanitra i Nefia. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny izaho Nefia dia miresaka momba ny faminiana izay efa nolazain-draiko momba an' i "Josefa izay nentina tany Egypta.

2 Fa indro, naminany marina tokoa momba ny taranany rehetra izy. Ary tsy misy firy ny "faminaniana izay lehibe kokoa noho ireo izay nosoratany. Ary naminany momba antsika izy sy ny taranatsika ho avy; ary izany dia voasoratra eo amin' ireo takela-barahina.

3 Koa rehefa avy namarana ny resany momba ny faminanian' i Josefa ny raiko, dia niantso ny zanak' i Lamàna izy, dia ny zanany lahy sy ny zanany vavy ka niteny taminy hoe: Indro ry zanako lahy sy zanako vavy isany, dia ianareo izay zanakalahy sy zanakavavin' ny "lahimatoako, tiako ny hampandrianareo sofinina amin' ny teniko.

4 Satria ny Tompo Andriamanitra dia efa nilaza izao: "Rahambola mitandrina ny didiko ianareo, dia hiroborobo eo amin'

ny tany; ary raha tsy mitandrina ny didiko kosa ianareo dia hoesorina tsy ho eo anatrehako.

5 Nefa indro ry zanako lahy sy zanako vavy isany, tsy haiko ny handeha hidina any am-pasana raha tsy efa namela “tso-drano taminareo; satria indro, fantatro fa raha beazina amin’ ny ^blalana tokony halehanareo ianareo, dia tsy hiala amin’ izany.

6 Koa raha ozonina ianareo, dia indro avelako aminareo ny tso-dranoko mba hahazoana manaisotra ny ozona aminareo ary hamaliana izany kosa eo ambony “lohan’ ny ray aman-dreninareo.

7 Koa noho ny tso-dranoko, ny Tompo Andriamanitra dia “tsy hamela anareo ho faty; noho izany Izy dia ho ^bfeno famindram-po aminareo sy ny taranakareo mandrakizay.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny teniny tamin’ ny zanakalahy sy ny zanakavavin’ i Lamàna ny raiko, dia nasainy nentina teo anoloany ny zanakalahy sy ny zanakavavin’ i Lemoela.

9 Ary niteny taminy izy, nanao hoe: Indro, ry zanako lahy sy zanako vavy isany, dia ianareo zanakalahy sy zanakavavin’ ny lahiaivoko; indro sahala amin’ ny tso-drano navelako tamin’ ny zanakalahy sy zanakavavin’ i Lamàna ihany no avelako aminareo; koa tsy ho fongana tantetraka ianareo; fa hotahiana kosa ny taranakareo any am-parany.

10 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny teniny taminy ny raiko, dia indro niresaka tamin’ ny zanakalahin’ i “Ismaela izy, eny, dia tamin’ ny ankohonany rehetra izany.

11 Ary rehefa avy namarana ny teniny taminy izy, dia niteny tamin’ i Samy nanao hoe: Hotahiana anie ianao sy ny taranakao; satria handova ny tany toa an’ i Nefia rahalahinao ianao. Ary hisaina miaraka amin’ ny taranany ny taranakao, ary hitovy amin’ ny rahalahinao ianao ary ho tahaka ny taranany ny taranakao, ary hotahiana ianao mandritra ny andronao rehetra.

12 Ary ny zava-nitranga, i Lehia raiko, rehefa avy niteny tamin’ ny ankohonany rehetra araka ny fientanan’ ny fony sy ny Fanahin’ ny Tompo izay tao aminy, dia nandroso fahanterana. Ary ny zava-nitranga dia nodimandry izy ary nalevina.

13 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro vitsivitsy taorian’ ny fahafatesany, dia tezitra tamiko i Lamàna sy Lemoela ary ny zanakalahin’ i Ismaela noho ny fananaran’ ny Tompo.

14 Satria izaho Nefia dia voatery niteny azy ireo araka ny teniny; satria efa nilaza zavamaro tamin’ ireo aho, ary koa ny raiko, talohan’ ny nahafatesany; voasoratra amin’ ny “takelako hafa ny ankamaroan’ ireny teny ireny, satria ny lafiny ara-tantara

5a TSM Tsodranon’ ny Patriarika.
b Ohab. 22:6.
6a F&F 68:25–29.

7a 2 Ne. 30:3–6;
F&F 3:17–18.
b 1 Ne. 13:31;
2 Ne. 10:18–19;

Jakôba 3:5–9;
Hel. 15:12–13.
10a 1 Ne. 7:6.
14a 1 Ne. 1:16–17; 9:4.

kokoa no voasoratra amin' ny takelako hafa.

15 Ary amin' "ireto kosa aho no manoratra ny zavatra ny fanahiko sy ny ankamaroan' ny soratra masina izay voasokitra amin' ny takela-barahina. Fa ny fanahiko dia finaritra amin' ny soratra masina ary ny foko ^bmisaintsaina ireny sy manoratra ireny mba ho ^dfianarana sy ho tombontsoan' ny zanako.

16 Indro ny "fanahiko dia finaritra amin' ny zavatra ny Tompo; ary ny ^bfoko misaintsaina lalandava ny zavatra izay efa hitako sy reko.

17 Kanefa, na dia eo aza ny halehiben' ny "hatsaram-pon' ny Tompo tamin' ny nanehoany tamiko ny asany lehibe sy mahatalanjona, dia niantsoantso ny foko hoe: Indrisy olona ^bfadiranovana aho! Eny, malahelo ny foko noho ny nofoko; ory ny fanahiko noho ny heloko.

18 Voahodidin' ny fakam-panahy sy ny fahotana izay mora "mahazo ahy aho.

19 Ary rehefa mba naniry ny hifaly aho, dia mitoloko ny foko noho ny fahotako; kanefa fantatro izay efa nitokiako.

20 Andriamanitro no andriko; Izy no efa nitarika ahy namakivaky ny fahoriako tany an-tany foana; ary efa nitsimbina ahy tambonin' ny rano lalim-be.

21 Efa nofenoiny ny "fitiavany

aho na dia hatrany amin' ny fahalevonan' ny nofoko aza izany.

22 Efa nampangaihay ny "fahavaloko Izy ka nahatora-kovitrazazy teo anoloako.

23 Indro efa nandre ny fitalahoako Izy nandritra ny andro ary efa nanome ahy fahalalana tamin' ny "fahitana nony alina.

24 Ary nandritra ny andro, dia efa nanana fahasahiana aho "hivavaka taminy tamin-kafanam-po; eny, efa nanandratra avo dia avo ny feoko aho; ary nidina ny anjely sy nanompo ahy.

25 Ary tambony elatry ny Fanahiny no efa "nitondrany ny tenako hankenany an-tendrom-bohitra avo izaitsizy tokoa. Ary nahatazana zavatra lehibe ny masoko, eny, lehibe loatra ho an' ny olona aza ka nodidina aho tsy hanoratra izany.

26 Raha zavatra lehibe loatra no efa hitako tamin' izany, raha namangy ny olona tamin' ny famindram-po be ny Tompo, tamin' ny fietreny ho an' ny zanak' olombelona, Ô "nahoana no hitomany ny foko ary hitaredretra ao an-dohasahan' alahelo ny fanahiko ary hihaoa ny nofoko ary hihena ny heriko noho ny fahoriako?

27 Ary nahoana aho no "hilefitra amin' ny ota noho ny nofoko? Eny, nahoana aho no hanome vahana ny ^bfakam-panahy mba hahazoan' ilay ratsy toerana ao

15a 1 Ne. 6:4–6.

^b TSM Misaintsaina;
Soratra Masina.

^d 1 Ne. 19:23.

16a TSM Misaotra.

^b TSM Fo.

17a 2 Ne. 9:10; F&F 86:11.

^b Roma. 7:24.

18a Roma. 7:21–23;

Heb. 12:1;

Almà 7:15.

21a TSM Fitiavana.

22a 1 Ne. 17:52.

23a TSM Fahitana.

24a Jakoba 5:16;

1 Ne. 2:16.

25a 1 Ne. 11:1;

Mos. 1:1–2.

26a Sal. 43:5.

27a Roma. 6:13.

^b TSM Fakam-panahy.

am-poko ka handravany ny ^afiadanako sy hampahoriany ny fanahiko? Nahoana aho no tezitra noho ny fahavaloko?

28 Mifohaza ry fanahiko! Aza milofika ao amin' ny fahotana intsony. Miravoravoa ry foko ary aza manome toerana intsony ho an' ny ^afahavalon' ny fanahiko.

29 Aza tezitra intsony noho ny fahavaloko. Aza aheny ny tanjako noho ny fahoriako.

30 Miravoravoa ry foko ary antsoy ny Tompo ary lazao hoe: Tompo ô, hidera Anao mandrakizay aho; eny hiravoravo Aminao ny fanahiko ry Andriamanitra sy ^avatolampin' ny famonjena ahy.

31 Tompo ô, hanavotra ny fanahiko va Ianao? Hanafaka ahy eo an-tanan' ny fahavaloko va Ianao? Hanao izay hahatora-kovitry ahy amin' ny fisehoan' ny ^afahotana va Ianao?

32 Enga anie ka hihidy lalandava eo anoloako ny vavahadin' ny helo, satria torotoro ny ^afoko ary manenina ny fanahiko! Tompo ô, aoka Ianao tsy hanidy eo anoloako ny vavahadin' ny fahamarinanao mba hahazoako ^bmandeha amin' ny lalan' ny lohasaha ambany sy mba hahasarotiny ahy amin' ny arabe marintampona!

33 Tompo ô, aoka hasalobonao manodidina ahy ny lamban' ny fahamarinanao! Tompo ô, aoka Ianao hanamboatra ny lalana

handosirako eo anoloan' ny fahavaloko! Aoka Ianao hanitsy ny lalako eo anoloako! Aoka Ianao tsy hanisy vato mahatafintohina eo amin' ny lalako—fa mba ho savainao eo anoloako kosa ny lalako, ary aoka tsy hofefenao ny lalako, fa ny lalan' ny fahavaloko kosa.

34 Tompo ô, efa natoky Anao aho ary mbola ^ahatoky Anao mandrakizay. Tsy hapetrako amin' ny sandry nofo ny ^bfitokiako; satria fantatro fa voaozona izay mametraka ny ^afitokiany amin' ny sandry nofo. Eny, voaozona izay mametraka ny fitokiany amin' ny olona na manao ny nofo ho sandriny.

35 Eny, fantatro fa hanome ^amalalaka izay mangataka Aminy Andriamanitra. Eny, hanome ahy Andriamanitra raha toa aho ^btsy mangataka ny ^atsy sahaza ahy; koa hanandratra ny feoko Aminao aho; eny, hiantso Anao aho ry Andriamanitra, ry ^avatolampin' ny fahamarinako. Indro, hiakatra mandrakizay any Aminao ny feoko ry vatolampiko sy Andriamanitra maharitra mandrakizay. Amena.

TOKO 5

Ny Nefita dia nisaraka tamin' ny Lamanita, nitandrina ny lalan' i Mosesy ary nanorina tempoly iray—Noho ny tsy finoany dia

27d TSM Fiadanana.

28a TSM Devoly.

30a 2 Tan. 3:11.

TSM Vatolampy.

31a Roma. 12:9;

Almà 13:12.

32a TSM Fo Torotoro.

b TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka

amin' Andriamanitra.

34a TSM Matoky.

b Sal. 44:6–8.

d Jer. 17:5;

Môrm. 3:9; 4:8.

35a Jakoba 1:5.

b TSM Vavaka.

d Hel. 10:5.

e Deot. 32:4.

nesorina teo anatrehan' ny Tompo sy nozonina ary tonga matroka fihodirana ny Lamanita ka nanjary antambo ho an' ny Nefita. Tokony ho 588-559 talohan' i J.K.

INDRO ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nitalaho fatratra tamin' ny Tompo Andriamanitra noho ny "fahatezeran' ny rahalahiko.

2 Nefa indro nitombo ny fahatezerany tamiko hany ka nitady ny handatsaka ny aiko ireo.

3 Eny, nimonomonona tamiko ireo, nanao hoe: Mihevitra ny "hifehy antsika ny zandrintsika lahy; ary efa tojo fahasahiranana maro isika noho ny aminy; koa ankehitriny, andeha hovonointsika izy mba tsy hiferinaina intsony isika noho ny teniny. Fa indro, tsy te hanana azy ho mpihifehy antsika isika; satria antsika izany, isika izay zoky no tokony hifehy ity vahoaka ity.

4 Ankehitriny izaho dia tsy manoratra amin' ireto takelaka ireto ny teny rehetra nimonomononany tamiko. Fa ampy ho ahy kosa ny filazana fa nitady handatsaka ny aiko ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia "nampilaza mialoha tamiko ny Tompo fa izaho ^bNefia dia tokony hiala eo aminy ka handositra any an-tany foana miaraka amin' ireo rehetra izay te handeha hiaraka amiko.

6 Koa ny zava-nitranga, izaho

Nefia dia naka ny ankohonako, ary koa i "Zôrama sy ny ankohonany, ary i Samy zokiko lahy mbamin' ny ankohonany, ary i Jakôba sy i Jôsefa zandriko lahy, ary koa ny anabaviko, sy ireo rehetra izay te handeha hiaraka amiko. Ary ireo rehetra izay te handeha hiaraka amiko dia ireo izay nino ny ^bfampitandremana sy ny fanambaran' Andriamanitra; noho izany dia nihaino ny teniko ireo.

7 Dia nentinay ny lainay sy rehefa mety ho zavatra azonay entina, dia nandeha tany an-tany foana nandritra ny andro maro izahay. Ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia nanangana ny lainay.

8 Ary tian' ny oloko ny hiantsoana hoe "Nefia ny anaran' ny toerana; koa nantsoinay hoe Nefia izany.

9 Ary ireo rehetra izay niaraka tamiko dia nanapa-kevitra ny hifampiantso hoe ny "olon' i Nefia.

10 Ary niezaka izahay ny hitandrina ny lalàna sy ny fitsipika ary ny didin' ny Tompo tamin' ny zavatra rehetra, araka ny "lalàn' i Mosesy.

11 Ary nomba anay ny Tompo; ary izahay dia niroborobo fatratra tokoa; fa namafy voa izahay ary nioty vokatra sesehena indray. Ary nanomboka nikolokolo andiana biby fiompy izahay sy ireo biby isaky ny karazany avy.

5 1a 2 Ne. 4:13-14.
3a 1 Ne. 16:37-38;
Môsà 10:14-15.
5a TSM Fitaoman' ny Fanahy.

b Môsià 10:13.
6a 1 Ne. 4:35; 16:7;
2 Ne. 1:30-32.
b TSM Fampitandremana.

8a Ômnia 1:12, 27;
Môsà 9:1-4; 28:1.
9a Jakôba 1:13-14.
10a 2 Ne. 11:4.
TSM Lalàn' i Mosesy.

12 Ary izaho Nefia dia efa nitondra koa ny rakitsoratra izay voasokitra tamin' ireo "takelabarahina; ary koa ny ^bbola na "kômpà izay efa voaoman' ny tanan' ny Tompo ho an-draiko, araka izay efa voasoratra.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo fatratra tokoa izahay sy nihamaro tamin' ny tany.

14 Ary izaho Nefia dia naka ny "sabatr' i Labàna ary nanao sabatra maro nitovy taminy, fandrao mety hisy fomba hanafihan' ny vahoaka izay antsoina ankehitriny hoe ^bLamanita anay ary handringanany anay; satria efa nahalala aho ny fankahalany ahy sy ny zanako ary ireo izay nantsoina hoe ny oloko.

15 Ary nampianatra ny oloko aho hanorina trano sy hampiasa amin' ny fomba isan-karazany ny hazo sy ny "vy ary ny varahinamena, mbamin' ny varahina sy ny tsy ary ny volamena sy ny volafotsy ary ireo akora sarobidy, izay sesehena ny hamaroany.

16 Ary izaho Nefia dia nanorina "tempoly iray; ary nanangana izany aho araka ny fomba nananganana ny ^btempolin' i Solomona, fa saingy tsy maro loatra ny "zava-tsarobidy nanorenana izany noho ireny tsy hita tamin' izany tany izany, koa tsy azo aorina mitovy amin' ny tempolin'

i Solomona izany. Nefa ny fomba nananganana izany dia nitovy tamin' ny nananganana ny tempolin' i Solomona; ary kanto fatratra tokoa ny rafitr' asa namitana izany.

17 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nanao izay "hampahazoto miasa ny oloko sy ny hampiasany ny tanany.

18 Ary ny zava-nitranga dia tiany aho ny ho lasa "mpanjakany. Kanefa izaho Nefia dia naniry ny tsy hananany mpanjaka; na dia teo aza izany dia nanao taminy araka izay tratry ny heriko aho.

19 Ary indro fa efa tanteraka tamin' ny rahalahiko ny tenin' ny Tompo, izay noteneniny momba azy ireo fa izaho no ho mpifehy sy ho mpampianatra azy ireo. Noho izany dia efa tonga "mpifehy sy ^bmpampianatra azy ireo aho araka ny didin' ny Tompo, mandra-pahatongan' ny fotoana izay nitadiavany handatsahana ny aiko.

20 Noho izany dia tanteraka ny tenin' ny Tompo izay noteneniny tamiko, nanao hoe: Raha mbola "tsy mety mihaino ny teninao ireo dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo. Ary indro fa efa ^bnesorina teo anatrehany izy ireo.

21 Ary efa nataony izay hianjeran' ny "ozona amin' izy ireo,

12a Môsià 1:3–4.

TSM Takelaka.

b Môsià 1:16.

d 1 Ne. 16:10, 16, 26;

18:12, 21;

Almà 37:38–47;

F&F 17:1.

14a 1 Ne. 4:9; Jakôba 1:10;

TiM 1:13.

b TSM Lamanita.

15a Etera 10:23.

16a TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

b 1 Mpan. 6;

2 Tan. 3.

d F&F 124:26–27.

17a Gen. 3:19;

F&F 42:42.

18a Jakôba 1:9, 11.

19a 1 Ne. 2:22.

b TSM Mampianatra.

20a 2 Ne. 2:21.

b Almà 9:14.

21a TSM Ozona.

eny, dia ozona mahatsiravina izany noho ny helony. Fa indro, efa nanamafy ny fony Taminy ireo ka efa nanjary toy ny afova-to; koa satria fotsy izy ireo ary kanto izaitsizy tokoa sy ^bmahafinaritra, dia nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hahamatroka ny ^dfihodirany mba tsy hahazoany manintona ny oloko.

22 Ary dia izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Izaho "hampaharikoriko azy ireo ho an' ny olonao, raha tsy mibebaka amin' ny helony izy ireo.

23 Ary ho voaozona ny taranak' izay "mifangaro amin' ny taranany; fa ozona iray ihany no hihatra amin' izy roroa. Ary ny Tompo efa nilaza izany ka dia tò izany.

24 Ary noho ny ozona izay nihatra taminy, dia nanjary va-hoaka "midonana-poana izy ireo, feno fitaka sy hafetsena ary mpihaza bibidia any an-tany foana.

25 Ary hoy ny Tompo Andriamanitra tamiko: Hanjary karavasy ho an' ny taranakao ireo hanaitra azy hahatsiaro Ahy; ary raha toa ka tsy te hahatsiaro Ahy izy sady tsy mihaino ny teniko, dia hokaravasiany izy na dia ho fandranganana aza izany.

26 Ary ny zava-nitranga dia "nanokana an' i Jakôba sy i Jôsefa ho mpisorona sy ho mpampianatra eran' ny tanin' ny oloko izaho Nefia.

27 Ary ny zava-nitranga dia niaina tao amin' ny toetry ny fahasambaran' izahay.

28 Ary telopolo taona no efa lasana hatramin' ny fotoana nandaozanay an' i Jerosalema.

29 Ary izaho Nefia no efa nitana hatrizao ny rakitsoratra momba ny oloko tamin' ireo takelako izay efa nataoko.

30 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo Andriamanitra hoe: Manaova "takelaka hafa; ary ianao dia hisokitra eo aminy zavatra maro, dia izay tsara eo imasoko mba ho tombontsoan' ny olonao.

31 Koa ho fankatoavana ny didin' ny Tompo, izaho Nefia dia nandeha sy nanao "ireo takelaka ireo izay efa nisokirako ireo zavatra ireo taminy.

32 Ary dia nisokitra izay mahafinaritra an' Andriamanitra aho. Ary raha mahafinaritra ny oloko ny zavatr' Andriamanitra, dia ho finaritra amin' ny soratro voasokitra izay eo amin' ireo takelaka ireo izy.

33 Ary raha toa ny oloko maniry hahafantatra ny lafiny manokana amin' ny tantaran' ny oloko, dia tsy maintsy mizaha ny takelako hafa izy.

34 Ary ampy ho ahy ny filazako fa efapolo taona no efa lasana ary efa tojo ady sy fifandirana sahady tamin' ny rahalahinay izahay.

21b 4 Ne. 1:10.
d 2 Ne. 26:33;
3 Ne. 2:14-16.
22a 1 Ne. 12:23.

23a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian' ny
samy hafa finoana.
24a TSM Midonana-poana.

26a Jakôba 1:18-19;
Môsià 23:17.
30a 1 Ne. 19:1-6.
31a TSM Takelaka.

TOKO 6

Namohafoha ny tantaran' ny Jiosy i Jakôba: Ny fahababoana tany Babylona sy ny fiverenana; ny asa fanompoana sy ny fanomboana ny Iray Masin' ny Isiraely; ny fanampiana noraïsina avy tamin' ny Jentilisa; ary ny fampodiana ny Jiosy amin' ny laoniny amin' ny andro farany rehefa mino ny Mesia izy. Tokony ho 559-545 talohan' i J.K.

Ny tenin' i Jakôba, rahalahin' i Nefia izay noteneniny tamin' ny olon' i Nefia:

2 Indro, ry rahalahiko malala, izaho Jakôba rehefa nantsoin' Andriamanitra sy natokana araka ny fomban' ny laminy masina ary efa nohamasinin' i Nefia rahalahiko izay heverinareo ho toy ny "mpanjaka na mpiaro ka ianteheranareo amin' ny fandriampahalemana, indro fantatrareo fa efa niresaka zavatra maro izaitsizy tokoa taminareo aho.

3 Na dia teo aza izany, dia miresaka aminareo indray aho; satria maniry aho ny hiadanan' ny fanahinareo. Eny, lehibe ny fitaintainako noho ny aminareo; ary fantatrareo fa izany dia efa toy izany hatrany. Satria efa namporisika anareo tamin' ny fahazotoana rehetra aho; ary efa nampianatra anareo ny tenindraiko; ary efa noresahiko anareo ny momba ny zava-drehetra izay efa voasoratra hatramin' ny nahariana an' izao tontolo izao.

4 Ary ankehitriny indro te

hiresaka aminareo ny momba ny zavatra izay misy sy izay mbo-la ho avy aho; koa hovakiako aminareo ny tenin' i "Isaia. Ary ireo no teny izay efa nirian' ny rahalahiko horesahiko aminareo. Ary miresaka izany aminareo aho mba ho tombontsoanareo, mba hahazoanareo mianatra sy mankalaza ny anaran' ny Andriamanitrareo.

5 Ary ankehitriny, ny teny izay hovakiako dia ireo teny izay notenenin' i Isaia momba ny mpianakavin' i Isiraely rehetra; koa azo ampiharina amin' ny tenanareo izany, satria anisan' ny mpianakavin' i Isiraely ianareo. Ary maro ny zavatra izay efa notenenin' i Isaia no azonareo ampiharina amin' ny tenanareo, satria anisan' ny mpianakavin' i Isiraely ianareo.

6 Ary ankehitriny, izao izany teny izany: "Izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Indro hanandratra ny tanako amin' ny Jentilisa Aho ary hanangana ny "fanevako amin' ny vahoaka; dia hitondra ny zanakao lahy eo an-tsandry izy, ary ny zanakao vavy hoentiny eo an-tsorony.

7 Ary ny mpanjaka no ho ray mpitaiza anao ary ny andriambaviny no ho reny mpitaiza anao; hiankohoka amin' ny tany eo anatrehanao izy ka hilelaka ny vovoka amin' ny tongotrao, ary ianao hahafantatra fa izaho no Tompo; fa tsy ho menatra ireo izay "miandry Ahy.

8 Ary ankehitriny izaho, Jakôba, dia somary hiresaka ihany

ny momba ireo teny ireo. Fa indro, efa nasehon' ny Tompo ahy fa efa novonoina sy "nentina ho babo ireo izay tao ^bJerosalema, izay toerana niavantsika.

9 Kanefa efa nasehon' ny Tompo ahy fa mbola "hiverina indray izy. Ary efa nasehony ahy koa fa ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin' ny Isiraely dia haneho ny tenany ara-nofo aminy; ary aorian' ny hanehoany ny tenany aminy, dia hokaravasy ny ^bhohomboany Izy, araka ny tenin' ny anjely izay niresaka tamiko.

10 Ary rehefa avy nanamafy ny fony sy nampihenjana ny hatony tamin' ny Iray Masin' ny Isiraely izy, dia indro ho tonga aminy ny "famalian' ny Iray Masin' ny Isiraely. Ary avy ny andro izay hikapohana sy hampahoriana azy.

11 Koa rehefa roahina etsy sy eroa izy, fa izany no lazain' ny anjely, dia maro no hampijaliana ao amin' ny nofo ary tsy havela ho faty noho ny vavaky ny olomahatoky; haely patrana sy hokapohana ary hankahalaina izy; kanefa, ho feno famindram-po aminy ny Tompo hany ka "rehefa ho tonga amin' ny ^bfahalalana ny Mpanavotra azy izy, dia

"hangonina indray eo amin' ny tany loany.

12 Ary hotahiana ny "Jentilisa, dia ireo izay efa nosoratan' ny mpaminany ny aminy; satria indro raha toa ka mibebaka izy sy tsy miady amin' i Ziona ary tsy manambatra ny tenany amin' io fiangonana makadiry sy ^bmaharikoriko io, dia hovanjena izy; satria hanatanteraka ny ^dfane-kempihavanana izay efa nataony tamin' ny zanany ny Tompo Andriamanitra; ary izany no antony efa nanoratan' ny mpaminany ireo zavatra ireo.

13 Noho izany, ireo izay hiady amin' i Ziona sy ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo dia hilelaka ny vovoka amin' ny tongony; ary tsy ho "menatra ny vahoakan' ny Tompo. Fa ny vahoakan' ny Tompo dia ireo izay ^bmiandry Azy; satria mbola miandry ny fiavian' ny Mesia izy.

14 Ary indro araka ny tenin' ny mpaminany, dia hanomboka homba azy "fanindroany indray ny Mesia; koa Izy dia ^bhaneho ny tenany aminy amin-kery sy voninahi-dehibe, amin' ny ^dfamongorana ny fahavalony rehefa tonga ny andro izay hinoany Azy; ary tsy hisy hofongorany izay mino Azy.

8a 2 Mpan. 24:10–16;
25:1–12.

tsm Isiraely—Ny
fampielezana ny
Isiraely.

b Est. 2:6;
1 Ne. 7:13;
2 Ne. 25:10;
Omnia 1:15;
Hel. 8:20–21.

9a 1 Ne. 10:3.
b 1 Ne. 19:10, 13;

Môsià 3:9;

3 Ne. 11:14–15.

tsm Fanomboana.

10a Mat. 27:24–25.

11a 1 Ne. 22:11–12;

2 Ne. 9:2.

b Hosea 3:5.

d tsm Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

12a 1 Ne. 14:1–2;

2 Ne. 10:9–10.

b tsm Devoly—Ny
fiangonan' ny devoly.

d tsm Fanekempihava-
nan' i Abrahama.

13a 3 Ne. 22:4.

b Isa. 40:31;
1 Ne. 21:23;
F&F 133:45.

14a Isa. 11:11;
2 Ne. 25:17; 29:1.

b 2 Ne. 3:5.
d 1 Ne. 22:13–14.

15 Ary ireo izay tsy mino Azy kosa dia “hofongorana, sady amin’ ny ^afo no amin’ ny rivo-doza sy amin’ ny horohoron-tany ary amin’ ny fandatsahan-dra sy amin’ ny ^areti-mandrigana ary amin’ ny mosary. Ary hahafantatra izy fa ny Tompo no Andriamanitra, no Iray Masin’ ny Isiraely.

16 “Fa moa halaina amin’ ny mahery va ny hazany na hafahana va ny ^bbabo ara-dalàna?

17 Fa izao no lazain’ ny Tompo: Na dia ny “babon’ ny mahery aza dia halaina ary ny hazan’ ny mpampitahotra hafahana; fa ny ^bAndriamanitra Mahery no ^dhanafaka ny vahoakan’ ny fanekempihavanany. Fa izao no lazain’ ny Tompo: Izaho no hia-dy amin’ izay miady aminao.

18 Ary hampihinanako ny nofon’ ny tenany ihany izay mam-pahory anao; ary ho mamon’ ny ran’ ny tenany ihany izy toy ny amin’ ny divay mamy; ary ny nofo rehetra hahafantatra fa Izaho Tompo no Mpamonjy anao sy “Mpanavotra anao, Ilay ^bMaherin’ i Jakoba.

TOKO 7

Niteny ho an’ ny Mesia i Isaia — Hanana ny lelan’ ny olo-mahay ny Mesia — Hatolony ny mpikapoka

ny lamosiny — Tsy hangaihay Izy — Ampitahao amin’ i Isaia 50. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ENY, fa izao no lazain’ ny Tompo: Efa nisaotra anao va Aho sa efa nandroaka anao mandrakizay? Satria izao no lazain’ ny Tompo: Aiza ny taratasim-pisaraham-pambadian-dreninareo? Iza no nisaorako anao sa iza amin’ ny manan-trosa amiko no nivarotako anao? Eny, iza no nivarotako anao? Indro, fa noho ny helokareo ihany no “nivarotanareo tena ary noho ny fandikanareo lalàna no isaorana an-dreninareo.

2 Koa nony tonga Aho, dia tsy nisy olona; nony “niantso Aho, eny, tsy nisy namaly. Ry mpianakavin’ i Isiraely, moa fohy tokoa va ny tanako ka tsy afaka manavotra sa tsy manana hery Aho hoenti-manafaka? Indro, amin’ ny fandevileveko no andritako ny ^branomasina, ampodiako ny ^drenirano ho tany foana ary ny ^ehazandranony ho maimbo satria ritra ny rano ary ho faty noho ny hetaheta izy.

3 Tafiako “fahamaintisana ny lanitra, ary ^blamba fisaonana no ataoko firakofany.

4 Ny Tompo Andriamanitra dia efa nanome Ahy ny “lelan’ ny efa mahay mba hahazako miteny aminao amin’ ny fotoana mahamety izany, Ry mpiana-

15a 2 Ne. 10:16; 28:15;
3 Ne. 16:8.
TSM Andro Farany.
b Jakôba 6:3.
d F&F 97:22–26.
16a Isa. 49:24–26.
b IE ny vahoakan’ ny fanekempihavanan’ ny Tompo, araka ny

voalaza ao amin’ ny andininy 17.
17a 1 Ne. 21:25.
b TSM Jehovah.
d 2 Mpan. 17:39.
18a TSM Mpanavotra.
b Gen. 49:24;
Isa. 60:16.
7 1a TSM Apôstazia.

2a Ohab. 1:24–25;
Isa. 65:12; Almà 5:37.
b Eks. 14:21; Sal. 106:9;
F&F 133:68–69.
d Jos. 3:15–16.
e Eks. 7:21.
3a Eks. 10:21.
b Fan. 6:12.
4a Lio. 2:46–47.

kavin' i Isiraely. Rehefa reraka ianao, Izy mamoha isa-maraina isa-maraina. Mamoha ny sofiko Izy mba hihainoako toy ny hihainoan' ny efa mahay.

5 Efa nosokafan' ny Tompo Andriamanitra ny "sofiko ka sady tsy nanohitra aho no tsy nihodina niala.

6 Natolotro ho an' ny "mpika-poka ny lamosiko ary ho an' ny mpanongotra volombava ny takolako. Tsy nafeniko ny tavako noho ny henatra sy ny fandro-rana.

7 Fa hanampy Ahy ny Tompo Andriamanitra koa tsy hangaihay Aho. Noho izany dia efa nohamafisiko tahaka ny afovato ny tavako ka fantatro fa tsy ho menatra Aho.

8 Ary efa akaiky ny Tompo ary manamarina Ahy Izy. Zovy no hifanditra amiko? Andeha isika hiara-mitsangana. Zovy no fahavaloko? Aoka izy ho tonga eto akaikiko ary Izaho hamely azy amin' ny herin' ny vavako.

9 Fa hamonjy Ahy ny Tompo Andriamanitra. Ary ireo rehetra izay "hanameloka Ahy, indro izy rehetra hihavasoka toy ny lamba tonta ka ho lanin' ny kalalao.

10 Iza aminareo no matahotra ny Tompo ka mankatò ny "feon' ny mpanompony, ka mandeha ao amin' ny haizina ary tsy manana hazavana?

11 Indro ianareo rehetra izay

mandrehitra afo ka hodidininareo kilalaon' afo ny tenanareo, mandehana amin' ny hazavan' ny "lêlafonareo sy amin' ny kilalaon' afo narehitrareo. Izao no horaisinareo avy amin' ny tanako—handry amin' alahelo ianareo.

TOKO 8

Hampionona an' i Ziona sy hanangona an' i Isiraely ny Tompo amin' ny andro farany—Ho tonga any Ziona amim-pifaliana lehibe ny voavotra—Ampitahao amin' i Isaia 51 sy 52:1–2. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

MIHAINOA Ahy ianareo izay manaraka ny fahamarinana. Itodiho ny "vatolampy izay nakana anareo sy ny ati-lavaka nihadiana anareo.

2 Jereo i Abrahama "rainareo sy i ^bSaraha izay niteraka anareo; fa izy irery no nantsoiko sy notahiko.

3 Fa hampionona an' i "Ziona ny Tompo, hampionona ny toerany rava rehetra Izy; sy hanao ny ^ttany foanany ho tahaka an' i Edena ary ny tany efiny ho tahaka ny sahan' ny Tompo. Fialiana sy haravoana no ho hita ao, mbamin' ny fisaorana sy ny feo fiderana.

4 Mihainoa Ahy ry vahoakako; ary atongilano Amiko ny sofinao ry fireneco; fa hisy "lalàna

5a F&F 58:1.

6a Mat. 27:26; 2 Ne. 9:5.

9a Roma. 8:31.

10a F&F 1:38.

11a Mpits. 17:6.

8 1a TSM Vatolampy.

2a Gen. 17:1–8;

F&F 132:49.

b Gen. 24:36.

3a TSM Ziona.

b Isa. 35:1–2, 6–7.

4a NA fampianarana, fotopampianarana. Isa. 2:3.

TSM Filazantsara.

hivoaka avy Amiko, ary ny fahamarinako dia hampitoeriko ho ^bfahazavana ho an' ny olona.

5 Akaiky ny fahamarinako; efa niely ny ^afamonjeko ary ny sandriko no hitsara ny olona. Izaho no hantenain' ireo ^bnosy ary ny sandriko no hitokiany.

6 Andrandrao ho amin' ny lanitra ny masonareo ka jereo ny tany ambany; fa ny ^alanitra ho ^blevona toy ny setroka ary ny tany ho ^dtonta toy ny fitafiana; ary ireo izay monina eo aminy dia ho faty tahaka izany koa. Fa ho mandrakizay kosa ny famonjeko, ary tsy ho rava ny fahamarinako.

7 Mihainoa Ahy ianareo izay mahalala ny fahamarinana, dia ny vahoaka izay nanoratako ny lalàko tao am-pony, aza ^amatahotra ny fanomezan-tsinin' ny olona na manahy ny fanevatevany.

8 Satria ho lanin' ny kalalao toy ny fitafiana izy ary ho lanin' ny kankana toy ny volon' ondry. Nefa ho mandrakizay ny fahamarinako, ary hipaka hatrany amin' ny taranaka fara mandimby ny famonjeko.

9 Mifohaza, mifohaza! Tafio ny ^aherinao Ry sandrin' ny Tompo; mifohaza toy ny tamin' ny andro fahiny. Tsy Ianao va Ilay efa nitetika an-dRahaba sy nandraitra ny dragona?

10 Tsy Ianao va Ilay efa nandritra ny ranomasina, ny rano tao

amin' ny lalina indrindra; ka efa nahatonga ny fanambanin' ny ranomasina ho ^alalana nalehan' ny navotana?

11 Koa hiverina ny ^anavotan' ny Tompo sy hankany Ziona amin-^bkira; ary fifaliana maharitra mandrakizay sy fahamasinana no ho eo ambony lohany; ary hahazo fifaliana sy haravoa-na izy; handositra ny alahelo sy ny ^dfitolokoana.

12 ^aIzaho no Izy; eny, Izaho no Izy izay mampionona anao. Indro, iza moa ianao no tokony ^bhatahotra olona izay ho faty sy hatahotra ny zanak' olona izay hatao toy ny ^aahitra?

13 Ka ^amanadino ny Tompo Mpanao anao, izay efa namelatra ny lanitra sy nandatsaka ny fanambanin' ny tany sady efa natahotra lalandava isan' andro vaky noho ny fisafaoaky ny mpampahory izay toy ny efa nivonona ny handrava anao erỳ? Ary aiza ny fisafaoaky ny mpampahory?

14 Dodona ny babo an-tsesitan' mba hamahana azy, tsy ho faty ao an-davaka izy sady tsy ho diso ny anjara mofony.

15 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrao izay ^amampirohon-drohona ny onjan-dranomasina; Tompon' ny Maro no anarako.

16 Efa nataoko teo am-bavanao ny teniko, ary efa nalofako tao amin' ny aloky ny tanako ianao

4b TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

5a TSM Famonjena.

b 2 Ne. 10:20.

6a 2 Pet. 3:10.

b HEB. nisinda.

Sal. 102:25-27.

d HEB. simba.

7a Sal. 56:4, 11;

F&F 122:9.

9a F&F 113:7-8.

10a Isa. 35:8.

11a TSM Fanavotana.

b Isa. 35:10.

d Fan. 21:4.

12a F&F 133:47; 136:22.

b Jer. 1:8.

d Isa. 40:6-8; 1 Pet. 1:24.

13a Jer. 23:27.

15a 1 Ne. 4:2.

mba hahazoako mamboly ny lanitra sy mandatsaka ny fanambanin' ny tany ary miteny amin' i Ziona hoe: Indro, ianao no "oloko.

17 Mifohaza, mifohaza, mitsangana Ry Jerosalema izay efa nisotro ny "kapoaky ny ^bfahatezerany teo an-tanan' ny Tompo—efa nosotroinao ny faikany nofiazana tao amin' ny kapoaka mampiraikiraiky—

18 Ary tsy misy mba hitari-dalana azy amin' ny zanany lahy rehetra izay naterany; tsy misy izay mandray azy amin' ny tanana amin' ny zanany lahy rehetra efa notezainy.

19 Ireo "zanakalahy roa ireo no tonga eo aminao, izay halahelo anao—ny fahasimbanao sy ny faharavanao mbamin' ny mosary sy ny sabatra—ary amin' ny alalan' iza no hampiononako anao?

20 Ny zanakao lahy dia efa torana, afa-tsy ireo roa ireo; mandry eny an-joron-dalambe rehetra eny ireo; toy ny ombilahidia ao anatin' ny fandrika harato, heniky ny hatezeran' ny Tompo sy ny levilevin' Andriamanitrao ireo.

21 Koa mihainoa izao ianao ry ilay ory sy "mamo ary tsy tamin-divay:

22 Izao no lazain' ny Tomponao, ny Tompo sy Andriamanitrao dia "miaro ny tombon-

tsoan' ny vahoakany; indro, efa nesoriko hiala teny an-tananao ny kapoaka mampiraikiraiky, ny faikany tao amin' ny kapoaky ny fahatezerako; tsy hisotro izany intsony ianao.

23 Fa "hataoko eo an-tanan' ireo izay mampahory anao kosa izany; izay efa niteny tamin' ny fanahinao hoe: Miankohofa hahazoanay mandeha eo amboninao—ary dia nalamakao hitovy tamin' ny tany sy tamin' ny lalambe ny tenanao ho an' ireo izay nandeha teo amboniny.

24 "Mifohaza, mifohaza, tafio ny ^bherinao Ry ^dZiona; tafio ny fitafiana tsara tarehy Ry Jerosalema, tanàna masina; satria tsy hiditra ao aminao "intsony ny tsy voafora sy ny maloto.

25 Ahintsano ny vovoka hiala amin' ny tenanao; "miarena ka mipetraka Ry Jerosalema; vahao ny ^bfatorana amin' ny tendanao Ry Ziona zanakavavy babo.

TOKO 9

Hangonina eo amin' ny tany rehetra nampanantenaina ny Jiosy—Ny fanarenana ny olona amin' ny fahalavoana amin' ny alalan' ny Sorompanavotana—Hivoaka avy any am-pasana ny tenan' ny maty ary avy any amin' ny helo sy ny paradisa kosa ny fanahiny—

16a 2 Ne. 3:9; 29:14.

17a Isa. 29:9; Jer. 25:15.

b Lio. 21:24.

19a Fan. 11:3.

21a 2 Ne. 27:4.

22a Jer. 50:34.

23a Zak. 12:9.

24a Isa. 52:1–2.

b F&F 113:7–8.

d TSM Ziona.

e Joe. 3:17.

25a IE Mitsangana avy

amin' ny vovoka ary mipetraka amim-pahamendrehana, voavotra amin' ny farany.

b F&F 113:9–10.

Hotsaraina izy—Ny Sorompana-votana no namonjy tamin' ny fahafatesana, ny helo, ny devoly, ary ny fijaliana tsisy fiafarany—Ny marina no voavonjy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra—Nambara ny famaizana noho ny fahotana—Ny Iray Masin' ny Isiraely no mpiandry ny vavahady. Tokony ho 559–545 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny, ry rahalahiko malala, novakiako ireo zavatra ireo mba hahazoanareo maha-fantatra ny momba ny “fanekep-pihavanan' ny Tompo izay efa nifaneken' tamin' ny mpiana-kavin' i Isiraely rehetra—

2 Izay noteneniny tamin' ny Jiosy, tamin' ny vavan' ny mpaminaniny masina na dia hatrany am-piandohana aza ka hatrizao ary hatramin' ny taranaka fara mandimby ka mandra-pahatongan' ny fotoana “hampodiana azy ho ao amin' ny fiangonana marina sy ao amin' ny valan' Andriamanitra; rehefa ^bhango-nina izy mba hody any amin' ny ^dtany lovany sy rehefa haorina amin' ny taniny nampanantenaina rehetra.

3 Indro, ry rahalahiko malala, teneniko anareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo miravoravo sy “manatraka mandrakizay ny lohanareo noho ny fitahiana izay

hatolotry ny Tompo Andriamanitra ny zanakareo.

4 Satria fantatro fa ny maro taminareo dia efa nikaroka mafy ny hahalala ny zavatra ho avy; koa fantatro fa fantatrareo fa ny nofonsika dia tsy maintsy hihaosa sy ho faty; kanefa dia ao amin' ny “vatantsika no hahitantsika an' Andriamanitra.

5 Eny, fantatro fa fantatrareo fa ao amin' ny vatany no hanehoany ny tenany amin' ireo ao Jerosalema izay toerana niavian-tsika; satria ilaina ny hitrangan' izany eo anivony; satria tsy maintsy nataon' ny “Mpahary lehibe izay hamelany ny tenany mba hofeheziny ny olona eo amin' ny nofo sy ho faty ho an' ny olon-drehetra, mba hahatonga ny ^bolon-drehetra kosa hofeheziny.

6 Fa satria efa nahatratra ny olon-drehetra ny fahafatesana mba hahatanteraka ny “drafitra feno famindram-pon' Ilay Mpahary lehibe, dia tsy maintsy ilaina ny hisian' ny herin' ny ^bfitsanganana amin' ny maty, ary ny fitsanganana amin' ny maty dia tsy maintsy ilaina ho tonga amin' ny olona noho ny ^dfahalavoana; ary ny fahalavoana dia vokatry ny fandikana lalàna; ary satria efa lavo ny olona dia ^enesorina teo anatrehan' ny Tompo izy.

9 1a TSM Fanekep-pihavanan' i Abrahama.

2a 2 Ne. 6:11.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

d 2 Ne. 10:7–8.

TSM Tany Nampanantenaina.

3a DJS, Sal. 24:7–10.

4a Joba 19:26; Almà 11:41–45; 42:23; Hel. 14:15; Môrm. 9:13.

5a TSM Fahariana.

b Jao. 12:32; 2 Ne. 26:24; 3 Ne. 27:14–15.

6a TSM Drafitry ny Fanavotana.

b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

d TSM Fahalavaon' i Adama sy i Eva.

e 2 Ne. 2:5.

7 Noho izany dia tsy maintsy ilaina ny ^asorompanavotana ^btsisy fetra—fa raha toa ka tsy sorompanavotana tsisy fetra izany, dia tsy ho afaka hitafy ny tsy fahalovana ity fahalovana ity. Noho izany, ny ^afamaizana voalohany izay nihatra tamin' ny olona dia tsy maintsy ilaina ho ^etafajanona naharitra tsy nam-piafarana. Ary raha izany no nitranga, ity nofo ity dia tsy maintsy ho nampandriana mba ho lò sy hiverina ho vovo-tany ka tsy hitsangana intsony.

8 Ô ny ^afahendren' Andriamanitra, ny ^bfamindram-pony sy ny ^afahasoavany! Satria indro fa raha tsy mitsangana intsony ny ^enofo, ny fanahintsika dia tsy maintsy ho efa nofehezin' ilay anjely izay ^fnianjera avy teo anoloan' Ilay Andriamanitra Mandrakizay, ary lasa ^gdevoly ka tsy hitsangana intsony.

9 Ary ny fanahintsika dia tsy maintsy ho efa tonga toa azy, ary dia ho lasa devoly isika, ^aanjelin' ny devoly ka dia ho ^bnohidiana tany ivelan' ny fitoeran' Andriamanitra ka dia ho niara-nitoetra tamin' ny rain' ny ^dlainga, nijaly toa azy; eny, toa azy ilay ^enanan-

goly ny ray aman-drenintsika voalohany, izay ^fmanova ny tenany saika tahaka ny anjelin' ny ^gfahazavana sy mamporisika ny zanak' olombelona ho amin' ny ^htsikombakomba mifaina hamonoana olona sy ho amin' ny karazan' asa miafin' ny maizina rehetra.

10 Ô endrey ny halehiben' ny hatsaram-pon' ny Andriamanitsika izay manomana lalana mba hialantsika amin' ny fihazonan' io biby mahatsiravina io; eny, ilay biby, ^afahafatesana sy ^bhelo izay antsoiko hoe ny fahafatesan' ny vatana, ary koa ny fahafatesan' ny fanahy.

11 Ary noho ny lalam-^apanafahan' Andriamanitsika, ny Iray Masin' ny Isiraely, io ^bfahafatesana izay efa noresahiko io, izay ara-nofo, dia hamoaka ny maty ao aminy; izany fahafatesana izany dia ny fasana.

12 Ary io ^afahafatesana izay efa noresahiko io, izay ny fahafatesam-panahy, dia hanafaka ny maty ao aminy; izany fahafatesam-panahy izany dia ny ^bhelo; noho izany ny fahafatesana sy ny helo dia tsy maintsy samy manafaka ny maty ao

7a TSM Sorompanavotana.

b Almà 34:10.

d Môsià 16:4–5;

Almà 42:6, 9, 14.

e Môsià 15:19.

8a Joba 12:13;

Abr. 3:21.

TSM Fahendrena.

b TSM Famindram-po.

d TSM Fahasoavana.

e F&F 93:33–34.

f Isa. 14:12;

2 Ne. 2:17–18;

Mos. 4:3–4;

Abr. 3:27–28.

g TSM Devoly.

9a Jakôba 3:11;

Almà 5:25, 39.

b Fan. 12:7–9.

d TSM Lainga.

e Gen. 3:1–13;

Môsià 16:3;

Mos. 4:5–19.

f 2 Kor. 11:14;

Almà 30:53.

g F&F 129:8.

h TSM Tsikombakomba Mifaina.

10a Môsià 16:7–8;

Almà 42:6–15.

b TSM Helo.

11a TSM Mpanafaka.

b TSM Fahafatesan' ny Vatana.

12a TSM Fahafatesana Ara-panahy.

b F&F 76:81–85.

amin' avy ary ny helo dia tsy maintsy manafaka ny fanahy babo ary ny fasana dia tsy maintsy manafaka ny vatana babo, ary dia "haverina hitambatra ny vatana sy ny "fanahin' ny olona tsirairay avy; ary izany dia noho ny herin' ny fananganana amin' ny maty an' ny Iray Masin' ny Isiraely.

13 Ô Endrey ny halehiben' ny "drafitry ny Andriamanitsika! Satria eo an-kilany, ny ^bparadisana' Andriamanitra dia tsy maintsy manafaka ny fanahin' ny marina ary ny fasana dia manafaka ny vatan' ny marina; ary ny fanahy sy ny vatana dia "haverina hitambatra indray ary ny olona rehetra dia zary tsy mety lo sy "tsy mety maty ary ireo dia fanahy velona manana ^ffahalalana ^stomombana toa antsika tao amin' ny nofo, saingy ho tomombana ny fahalalantsika.

14 Koa, hanana "fahalalana tomombana ny amin' ny ^bhadi-soantsika rehetra isika sy ny fahalotoantsika ary ny "fitanja-hantsika; ary ny marina hanana fahalalana tomombana ny amin' ny firavoravoany sy ny "fahamarinany, fa ^ftafiana ^sfahadiovana izy, eny, dia ny ^hlamban' ny fahamarinana izany.

15 Ary ny zavatra hitranga, rehefa avy nandalo ity fahafatesana voalohany ity hankany amin' ny fiainana ny olon-drehetra, ka efa tonga tsy mety maty, dia tsy maintsy hiseho eo anoloan' ny "toeram-pitsaran' ny Iray Masin' ny Isiraely izy; ary amin' izany dia tonga ny ^bfitsarana ary amin' izany dia tsy maintsy tsaraina araka ny fitsarana masin' Andriamanitra izy.

16 Ary raha velona marina tokoa ny Tompo, satria ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany ary izany dia "teniny maharitra mandrakizay izay tsy ^bmety levona, ireo izay marina dia ho marina hatrany ary ireo izay "maloto dia "haloto hatrany; koa ireo izay maloto dia ny ^fdevoly sy ny anjeliny; ary ireo dia handeha hiala hankany amin' ny ^safo maharitra mandrakizay voamboatra ho azy ireo; ary ny fijaliany dia ho toy ny ^hfarihy afo sy solifara izay ny lelafony dia miakatra mandrakizay mandrakizay ka tsy manam-pahataperana.

17 Endrey ny fahalehibeazana sy ny "fahamarinan' Andriamanitsika! Fa manatanteraka ny teniny rehetra Izy ary efa niloaky

12d TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

e TSM Fanahy.

13a TSM Drafitry ny Fanavotana.

b F&F 138:14-19.

TSM Paradisa.

d Almà 11:43.

e TSM Tsy Fahafatesana.

f F&F 130:18-19.

g TSM Tanteraka.

14a Môsià 3:25;

Almà 5:18.

b TSM Heloka.

d Môrm. 9:5.

e TSM Fahamarinana.

f Ohab. 31:25.

g TSM Madio.

h F&F 109:76.

15a TSM Fitsarana

Farany, Ny.

b Sal. 19:9; 2 Ne. 30:9.

16a 1 Mpan. 8:56;

F&F 1:38; Mos. 1:4.

b F&F 56:11.

d TSM Fahalotoana.

e 1 Ne. 15:33-35;

Almà 7:21;

Môrm. 9:14;

F&F 88:35.

f TSM Devoly.

g Môsià 27:28.

h Fan. 21:8;

2 Ne. 28:23;

F&F 63:17.

17a TSM Fahamarinana.

ny vavany ireny ary tsy maintsy tanteraka ny lalàny.

18 Nefa, indro, ny marina, ny “olomasin’ ny Iray Masin’ ny Isiraely, ireo izay efa nino ny Iray Masin’ ny Isiraely, ireo izay efa niaritra ny ^bfanenjehan’ izao tontolo izao ary efa nanao tsinontsinona ny henatra tamin’ izany, ireo no ^dhandova ny ^efanjakan’ Andriamanitra izay voaomana ho azy ireo ^fhatry ny fanorenana izao tontolo izao ary ho feno ^gmandrakizay ny fifaliany.

19 Endrey ny fahalehibeazan’ ny famindram-pon’ Andriamanitsika, ny Iray Masin’ ny Isiraely! Fa Izy dia “manafaka ny olomasiny amin’ io ^bbiby mahatsiravina io, dia ny devoly sy ny fahafatesana ary ny ^dhelo, ary ny farihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fifarany.

20 Endrey ny halehiben’ ny “fahamasinan’ Andriamanitsika! Satria ^bmahafantatra ny zavatra rehetra Izy ary tsy misy na inona na inona izay tsy fantany.

21 Ary tonga amin’ izao tontolo izao Izy hahazoany “mamony ny olon-drehetra raha mety mihaino ny feony izy; fa indro, miaritra ny fijalian’ ny olon-drehetra Izy, eny, ny ^bfijalian’ ny manan’ aina tsirairay, na lehilahy na

vehivavy na ankizy, izay isan’ ny fianakavian’ i ^dAdama.

22 Ary miaritra izany Izy mba hahatanteraka ny fitsanganana amin’ ny maty amin’ ny olon-drehetra ka hahazoan’ ny rehetra mijoro eo anoloany amin’ ny andro lehibe sady fitsarana.

23 Ary mandidy ny olon-drehetra Izy ny tsy maintsy ^ahibebahany sy hanaovana ^bbatisa azy amin’ ny anarany rehefa manam-pinoana tanteraka ny Iray Masin’ ny Isiraely, fa raha tsy izany dia tsy ho azo vonjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra izy.

24 Ary raha tsy mety mibebaka izy sy tsy mino ny “anarany sady tsy atao batisa amin’ ny anarany no tsy ^bmaharitra hatramin’ ny farany, dia tsy maintsy ^dhohehlohina; satria ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin’ ny Isiraely no efa niteny izany.

25 Koa efa nomeny ny “lalàna; ary amin’ izay ^btsy misy lalàna nomena dia tsy misy famaizana; ary amin’ izay tsy misy famaizana dia tsy misy fanamelohana; ary amin’ izay tsy misy fanamelohana dia ny famindram-pon’ ny Iray Masin’ ny Isiraely no manan-kery aminy noho ny sorompanavotana; satria afahana amin’ ny heriny izy.

18a TSM Olomasina.

b Lio. 14:27.

d F&F 45:58; 84:38.

e TSM Fisandratana.

f Almà 13:3.

g TSM Fiainana
Mandrakizay.

19a F&F 108:8.

b 1 Ne. 15:35.

d TSM Helo.

20a TSM Fahamasinana.

b Almà 26:35; F&F 38:2.

21a TSM Famonjena.

b F&F 18:11; 19:18.

d TSM Adama.

23a TSM Fibebahana.

b TSM Batisa.

24a TSM Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran’

i Jesoa Kristy.

b TSM Maharitra.

d TSM Fahamelohana.

25a Jakoba 4:17.

TSM Lalàna.

b Roma. 4:15;

2 Ne. 2:13;

Almà 42:12–24.

TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

26 Fa ny ^asorompanavotana no manefa ny fitakian' ny ^bfahamarinany amin' ireo rehetra izay ^atsy manana ny ^clalàna nomena azy ka dia afaka amin' io biby mahatsiravina io izy, dia ny fahafatesana sy ny helo ary ny devoly ary ny farihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fiasarany; ary haverina ho amin' ny laoniny in-drainy amin' io Andriamanitra io izy izay nanome azy ^ffofon' aina, izay ny Iray Masin' ny Isiraely.

27 Nefa lozan' izay manana ny ^alalàna nomena azy, eny, izay manana ny didin' Andriamanitra rehetra toa antsika ka mandika ireny ary mandanilany foana ny andro fisedrana azy, fa mahatahotra ny hanjò azy!

28 E ny hafetsen' ny ^atetikadin' ilay ratsy! E ny ^bmahatsinontsinona sy ny halemena ary ny adalan' ny olona! Rehefa ^amahay izy dia manao azy ho ^chendry ary tsy mihaino ny ^ftorohevitry Andriamanitra fa avelany izany noho ny fiheverana fa avy amin' ny tenany no ahafantarany, koa adalana ny fahendreny fa tsy mahasoa azy izany. Ary ho faty izy.

29 Nefa tsara ny mahay raha ^ahenoiny ny ^btorohevitry Andriamanitra.

30 Nefa lozan' ny manan-karena izay ^amanan-karena raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao. Fa noho ny harenny dia manamavo ny ^bmahantra izy ary manenjika ny malemy fanahy, ary any amin' izay misy ny harenny ny fony; koa ny harenny no andriamaniny. Ary indro fa ho fongana miaraka aminy koa ny harenny.

31 Ary lozan' ny marenina izay tsy te ^ahandre; fa ho faty izy.

32 Lozan' ny jamba izay tsy te hijery; fa ho faty koa izy.

33 Lozan' ny tsy voafora fo, fa ny fahalalana ny helony no hikapoka azy amin' ny andro farany.

34 Lozan' ny ^ampandainga, fa hatsipy any amin' ny ^bhelo izy.

35 Lozan' ny mpamono olona izay minia ^amamono, fa ho ^bfaty izy.

36 Lozan' ireo izay ^amijangajanga, fa hatsipy any amin' ny helo izy.

37 Eny, lozan' ireo izay ^amanompo sampy, fa ny devoly

26a 2 Ne. 2:10;
Almà 34:15–16.
tsm Sorompanavotana.
b tsm Fahamarinana.
d Môsià 3:11.
e Môsià 15:24;
F&F 137:7.
f Gen. 2:7; F&F 93:33;
Abr. 5:7.
27a Lio. 12:47–48.
28a Almà 28:13.
b tsm Zava-poana.
d Lio. 16:15;
2 Ne. 26:20; 28:4, 15.

e Ohab. 14:6; Jer. 8:8–9;
Roma. 1:22.
tsm Fiavonavonana;
Fahendrena.
f Almà 37:12.
tsm Torohevitry.
29a 2 Ne. 28:26.
b Jakôba 4:10.
30a Lio. 12:34;
1 Tim. 6:10;
F&F 56:16.
b tsm Mahantra.
31a Ezek. 33:30–33;
Mat. 11:15;
Môsià 26:28;

F&F 1:2, 11, 14;
Mos. 6:27.
34a Ohab. 19:9.
tsm Fahamarinantoetra; Lainga.
b tsm Helo.
35a Eks. 20:13;
Môsià 13:21.
b tsm Famaizana
ho Faty.
36a 3 Ne. 12:27–29.
tsm Fahadiovam-pitondrantena.
37a tsm Fanompoan-tsampy.

lohan' ny devoly rehetra no finaritra aminy.

38 Ary raha fintinina, lozan' ireo rehetra izay maty ao amin' ny fahotany; fa "hiverina amin' Andriamanitra izy ary hahita ny tavany kanefa dia hijanona ao amin' ny fahotany.

39 Ry rahalahiko malala, tsarovy fa mahatahotra ny fandikana ny lalàn' Ilay Andriamanitra Masina, ary mahatahotra koa ny fanekena ny fanangolen' ilay "fatsora. Tsarovy fa ny ^bfiheverana ny zavatra ny nofo dia "fahafatesana ary ny fiheverana ny zava-panahy kosa dia "fiainana ^fmandrakizay.

40 Ry rahalahiko malala, atongilano amin' ny teniko ny sofinareo. Tsarovy ny fahalehibeazan' ny Iray Masin' ny Isiraely. Aza milaza hoe efa nanao teny henjana taminareo aho; fa raha milaza izany ianareo, dia maniratsira ny "fahamarinana; fa efa nilaza ny tenin' ilay Mpanao anareo aho. Fantatro fa ^bhenjana amin' ny fahalotoana rehetra ny tenin' ny fahamarinana; kanefa ny marina tsy matahotra ireny satria tia ny fahamarinana izy ka tsy mihontsina.

41 Amin' izany ry rahalahiko malala, "manatòna ny Tompo, Ilay Iray Masina. Tsarovy fa

marina ny lalany. Indro, ^bety ho an' ny olona ny "lalana, kanefa dia voasoritra mahitsy eo anoloany izany, ary ny Iray Masin' ny Isiraely no mpiandry ny "vavahady; ary tsy mampiasa mpanompo Izy eo amin' ny vavahady; ary tsy misy lalan-kafa afa-tsy ny vavahady; satria tsy azo fitahiana Izy, fa ny Tompo Andriamanitra no anarany.

42 Ary na zovy na zovy no handondona dia hovohany; ary ny "hendry sy ny mahay ary ireo izay manan-karena izay ^bmieboebo noho ny fahaizany sy ny fahendreny ary ny haren' eny, ireny no halany; ary raha tsy manary ireo toetrany ireo ireny ka manao ny tenany ho "bado eo anoloan' Andriamanitra ary midina any amin' ny "fanentretena lalina, dia tsy hovohany.

43 Nefa ny zavatra ny hendry sy ny malina dia "hafenina aminy mandrakizay — eny, izany no fahasambarana izay efa voaomana ho an' ny olomasina.

44 Ry rahalahiko malala, tsarovy ny teniko. Indro, manala ny fitafiako aho ka manifikifika izany eo anoloanareo; mangataka ny Andriamanitry ny famonjena ahy aho mba hijereny ahy amin' ny masony "mahita ny zava-dre-

38a Almà 40:11, 13.

39a 2 Ne. 28:20–22; 32:8;

Môsà 2:32; 4:14;

Almà 30:53.

b Roma. 8:6.

TSM Ara-nofo.

d TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

e Ohab. 11:19.

f TSM Fiainana

Mandrakizay.

40a TSM Fahamarinana.

b 1 Ne. 16:2;

2 Ne. 28:28; 33:5.

41a 1 Ne. 6:4;

Jakôba 1:7;

Ômnia 1:26;

Môrô. 10:30–32.

b Lio. 13:24;

2 Ne. 33:9;

Hel. 3:29–30.

d 2 Ne. 31:17–21;

Almà 37:46;

F&F 132:22, 25.

e 2 Ne. 31:9, 17–18;

3 Ne. 14:13–14;

F&F 43:7; 137:2.

42a Mat. 11:25.

b TSM Fiavonavonana.

d 2 Tan. 3:18–21.

e TSM Fanetren-tena.

43a 2 Tan. 2:9–16.

44a Jakôba 2:10.

hetra; noho izany dia ho fantatrareo amin' ny andro farany, rehefa hotsaraina araka ny asany avy ny olon-drehetra, fa ny Andriamanitry ny Isiraely no vavolombelona fa efa ^bnanifikifika ny helokareo hiala tamin' ny fanahiko aho, ary dia mijoro amim-pamirapiratana eo anoloany ary ^aafaka amin' ny ranareo.

45 Ry rahalahiko malala, mivilia hiala amin' ny fahotanareo; akifiho hiala ny ^arojon' ilay mangaja mafy anareo; manatòna an' Andriamanitra izay ^bvatolampin' ny famonjena anareo.

46 Omano ho amin' izany andro be voninahitra izany ny fanahinareo rehefa havaly ny olo-marina ny ^afahamarinana, dia ny andro ^bfitsarana izany, mba tsy hihemoranareo amin-tahotra mahatsiravina; mba tsy hahatsiarovanareo ny ^ahelokareo mahatsiravina amin' ny antsihiriany ary mba tsy ho voatery hiantsoantso ianareo hoe: Masina, masina ny fitsaranao, Ry Tompo Andriamanitra ^aTsi-toha—nefa fantatro ny hadisoako; nandika ny lalànao aho ary ahy ny fandikana ny lalàna; ary efa nahazo ahy ny devoly hany ka zary rembiny ao amin' ny fahoriany mahatsiravina aho.

47 Nefa, indro ry rahalahiko, moa ilaina va ny hamohazako anareo ho amin' ny fisiana mahatsiravin' ireo zavatra ireo?

Moa handrotidrotika ny fanahinareo va aho raha madio ny sainareo? Moa ho tsotra aminareo va aho araka ny fahatsoran' ny fahamarinana raha afaka tamin' ny fahotana ianareo?

48 Indro, raha masina ianareo dia ho niresaka fahamasinana taminareo aho; nefa, satria tsy masina ianareo sy mihevitra ahy ho toy ny mpampianatra anareo, dia mety sady tsy maintsy ilaina ny ^ahampianarako anareo ny vokatry ny ^bfahotana.

49 Indro, mankahala ny fahotana ny fanahiko ary finaritra amin' ny fahamarinana ny foko; ary ^ahidera ny anarana masin' ny Andriamanitra aho.

50 Manatòna ry rahalahiko, ianareo rehetra izay mangetahe-ta mankanesa amin' ny ^arano; ary izay tsy manam-bola, avia mividia ary homàna; eny, avia mividia divay sy ronono nefa tsy amim- ^bbola na amin-karena.

51 Koa aza mandany vola amin' izay tsy misy vidiny na ^amiasa amin' izay tsy mety mahafa-po. Henoy amim-pahazo-toana tokoa aho ary tsarovy ny teny izay efa nolazaiko; ary manatòna ny Iray Masin' ny Isiraely ka ^bmivokisa amin' izay tsy mety simba sady tsy mety lò ary aoka hiravoravo amin' ny matavy ny fanahinareo.

52 Indro ry rahalahiko malala, tsarovy ny tenin' ny Andriama-

44b Jakôba 1:19.

d Jakôba 2:2;

Môsià 2:28.

45a 2 Ne. 28:22;

Almà 36:18.

b TSM Vatolampy.

46a TSM Fahamarinana.

b TSM Fitsarana

Farany, Ny.

d Môsià 3:25.

e 1 Ne. 1:14;

Mos. 2:1.

48a Almà 37:32.

b TSM Fahotana.

49a 1 Ne. 18:16.

50a TSM Rano Velona.

b Almà 42:27.

51a Isa. 55:1–2.

b 2 Ne. 31:20; 32:3;

3 Ne. 12:6.

nitrareo; mivavaha Aminy lalan-dava mandritra ny andro ary manolôra “fisaorana ny anarany masina mandritra ny alina. Aoka hifaly ny fonareo.

53 Ary indro, endrey ny halehiben' ny “fanekempihavanan' ny Tompo sy ny halehiben' ny fietreny ho an' ny zanak' olombelona; ary noho ny fahalehibeazany sy ny fahasoavany ary ny ^bfamindram-pony no efa fampanantenainy antsika fa tsy ho fongana tanteraka ny taranatsika araka ny nofo fa hotehiriziny kosa izy; ary ho tonga “sampana marina ho an' ny mpianakavin' i Isiraely izy ao amin' ny taranaka ho avy.

54 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia te hiteny misimisy aminareo aho; nefa rahampitso vao holazaiko anareo ny teniko sisa. Amena.

TOKO 10

Hohomboan' ny Jiosy ny Andriamaniny—Haely patrana izy mandra-panombohany hino Azy—Ho tanim-pahafahana i Amerika izay tsy hisy mpanjaka hanapaka azy—Mihavàna amin' Andriamanitra ianareo ka raiso ny famonjena amin' ny alalan' ny fahasoavany. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny izaho Jakôba dia miteny aminareo indray, ry rahalahiko malala, ny momba ilay “sampana marina izay efa noteneniko.

2 Fa indro, ny “fampanantenana izay efa azontsika dia fampanantenana natao tamintsika araka ny nofo; koa, na dia efa naseho ahy aza fa maro amin' ny zanatsika no ho faty ao amin' ny nofo noho ny tsy finoana, dia ho feno famindram-po amin' ny maro Andriamanitra; ary hampodiana amin' ny laoniny ireo zanatsika mba hahatonga azy any amin' izay hanome azy ny fahalalana marina ny Mpanavotra azy.

3 Koa, araka ny efa nolazaiko anareo, dia mety sady tsy maintsy ilaina ny hahatongavan' i Kristy—satria izany no nolazain' ny “anjely ahy alina fa ho anarany—^beo amin' ny Jiosy, eo anivon' ireo izay ampahany lozabe indrindra eo amin' izao tontolo izao; ary dia “hohomboany Izy—satria izany dia araka ny efa nanampoizan' ny Andriamanitsika ary tsy misy firenena hafa eto ambonin' ny tany izay “hanombo ny ^fAndriamaniny.

4 Fa raha nitranga teo amin' ireo firenen-kafa ireo “fahagagana lehibe, dia ho nibekaka ireny ary ho nahafantatra Azy ho Andriamaniny.

52a TSM Misaotra.

53a TSM Fanekempihavananana.

b TSM Famindram-po.

d TSM Tanimbolin' ny Tompo.

10 1a 1 Ne. 15:12–16;

2 Ne. 3:5;

Jakôba 5:43–45.

2a 1 Ne. 22:8;

3 Ne. 5:21–26; 21:4–7.

3a 2 Ne. 25:19;

Jakôba 7:5;

Môrô. 7:22.

b TSM Jesoa Kristy—

Faminaniana ny

amin' ny

fahaterahana sy

ny fahafatesan' i

Jesoa Kristy.

d 1 Ne. 11:33;

Môsià 3:9;

F&F 45:52–53.

e Lio. 23:20–24.

f 1 Ne. 19:10.

4a TSM Fahagagana.

5 Nefa noho ny ^akomiberaky ny mpisorona sy ny helony, ireo ao Jerosalema dia hanamafy ny hatony hanohitra Azy mba hanomboana Azy.

6 Koa, noho ny helony, dia hitatra aminy ny faharavana, ny mosary, ny areti-mandringana ary ny fandatsahan-dra; ary ireo izay tsy ho fongana dia ^ahaely patrana any anivon' ny firenen-drehetra.

7 Nefa indro, izao no lazain' ny ^aTompo Andriamanitra: Izaho efa nanao fanekempihavanana tamin' ny razany fa ^braha avy ny andro izay hinoany Ahy fa Izaho no Kristy, amin' izany dia hampodiana ao amin' ny nofo eto ambonin' ny tany, any amin' ny tany lovany izy.

8 Ary ny zavatra hitranga dia ^ahanganina avy amin' ny fielezany maharitra izy, avy amin' ny ^bnosy any an-dranomasina sy avy amin' ny vazan-tany efatra; ary ho lehibe eo imasoko ny firenen' ny Jentilisa, hoy Andriamanitra, amin' ny ^afitondrana azy hiverina any amin' ny tany lovany.

9 ^aEny, ny mpanjakan' ny Jentilisa no ho ray mpiahy azy, ary ny mpanjakavaviny no ho reny mpiahy; koa lehibe amin'

ny Jentilisa ny ^bfampanantenan' ny Tompo fa Izy no efa niteny izany ka iza no hahatohitra?

10 Nefa indro, hoy Andriamanitra, fa ity tany ity no ho tany lovana ary hotahiana ny ^aJentilisa eo amin' ity tany ity.

11 Ary ho tanim-^apahafahana ho an' ny Jentilisa ity tany ity ka tsy hisy ^bmpanjaka eo amin' ny tany izay hitsangana hifehy ny Jentilisa.

12 Ary Izaho hampahatanjaka ity tany ity noho ny firenen-kafa rehetra.

13 Ary izay ^amiady amin' i Ziona dia ho ^bringana, hoy Andriamanitra.

14 Satria izay manangana mpanjaka hanohitra Ahy dia ho ringana, fa Izaho Tompo, ny ^ampanjakan' ny lanitra no ho mpanjakany ary Izaho no ho ^bfahazavana mandrakizay ho an' ireo izay mihaino ny teniko.

15 Koa, noho izao antony izao, dia ny hahatanteraka ny ^afanekempihavanako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona ka hataoko aminy raha mbola ao amin' ny nofo izy, dia tsy maintsy ilaina ny handravana ny ^basa manginginan' ny ^amaizina sy ny famonoan' olona ary ny fahavetavetana.

5a Lio. 22:2.

tsm Komiberaky
ny Mpisorona.

6a 1 Ne. 19:13–14.

tsm Isiraely—Ny
fampielezana ny
Isiraely.

7a tsm Tompo.

b 2 Ne. 25:16–17.

8a tsm Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

b 1 Ne. 22:4;

2 Ne. 10:20–22;

F&F 133:8.

d 1 Ne. 22:8.

9a Isa. 49:22–23.

b 1 Ne. 22:8–9;

F&F 3:19–20.

10a 2 Ne. 6:12.

11a tsm Afaka.

b Môsia 29:31–32.

13a 1 Ne. 22:14, 19.

b Isa. 60:12.

14a Almà 5:50;

F&F 38:21–22;

128:22–23;

Mos. 7:53.

b tsm Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

15a tsm Fanekempihava-
nana.

b Hel. 3:23.

tsm Tsikombakomba
Miafina.

d tsm Haizim-panahy.

16 Koa izay miady amin' i "Ziona na Jiosy na Jentilisa, na andevo na olon' afaka, na lahy na vavy dia ho ringana; fa ^bireny no ireo izay vehivavy janga amin' ny tany rehetra; satria "ireo izay "tsy momba Ahy dia ^fmanohitra Ahy, hoy ny Andriamanitsika.

17 Satria "hotanterahiko ny fampanantenako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona ka hataoko aminy raha mbola ao amin' ny nofo izy —

18 Noho izany, ry rahalahiko malala, dia izao no lazain' ny Andriamanitsika: Izaho hampahory ny taranakao amin' ny tanan' ny "Jentilisa; kanefa, hanalefaka ny fon' ny Jentilisa Aho, hany ka ho toy ny ray ho azy izy; koa ^bhotahiana ny Jentilisa sady horaisina ho "isan' ny mpianakavin' i Isiraely.

19 Koa "hatokako mandrakizay ho an' ny taranakao sy ho an' ireo izay horaisina ho isan' ny taranakao ity tany ity mba ho tany lovany; satria tany nofinidy noho ny tany hafa rehetra izany, hoy Andriamanitra tamiko, koa hataoko izay hideran' ny olona rehetra izay mitoetra eo aminy Ahy, hoy Andriamanitra.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, satria efa nomen'

ny Andriamanitsika feno famindram-po antsika ny fahalalana lehibe tokoa momba ireo zavatra ireo, dia aoka hotsarovantsika Izy sy havelantsika ny fahotantsika, ary aoka tsy hitanondrika ny lohantsika satria tsy ariana isika; kanefa efa "noroahina isika hiala ny tany lovantsika; fa efa nentina kosa isika hankany amin' ny ^btany tsaratsara kokoa, satria ny Tompo no efa nanao ny ranomasina ho "lalantsika ary eo amin' ny "nosin-dranomasina no misy antsika.

21 Nefa lehibe ny fampanantenan' ny Tompo amin' ireo izay eo amin' ny "nosin-dranomasina; koa satria nosy no resahina, dia tsy maintsy ilaina ny fisian' ny nosy hafa ankoatra ity, ary ireo rahalahintsika ihany koa no monina amin' ireny.

22 Fa indro, ny Tompo Andriamanitra no efa "nitondra ombieny ombieny avy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely araka ny finivany sy ny sitrapony. Ary ankehitriny, indro tadidin' ny Tompo avokoa ireo izay efa nosarahina ka dia tadidiny koa isika.

23 Noho izany, herezo ny fona-reo ary tsarovy fa "afaka ^bmanao araka ny sitraponareo ianareo — na "hifidy ny lalan' ny fahafate-

16a TSM Ziona.

b 1 Ne. 13:4–5.

d 1 Ne. 14:10.

e 1 Ne. 22:13–23;

2 Ne. 28:15–32;

3 Ne. 16:8–15;

Etera 2:9.

f Mat. 12:30.

17a F&F 1:38.

18a Lio. 13:28–30;

F&F 45:7–30.

b Ef. 3:6.

d Gal. 3:7, 29;

1 Ne. 14:1–2;

3 Ne. 16:13; 21:6, 22;

30:2;

Abr. 2:9–11.

19a 2 Ne. 3:2.

20a 1 Ne. 2:1–4.

b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

d 1 Ne. 18:5–23.

e Isa. 11:10–12.

21a 1 Ne. 19:15–16; 22:4.

22a 1 Ne. 22:4.

23a TSM Safidy.

b 2 Ne. 2:16.

d Deot. 30:19.

sana mandrakizay na ny lalan' ny fiainana mandrakizay.

24 Noho izany ry rahalahiko malala, dia mihavàna amin' ny sitrapon' Andriamanitra ianareo fa tsy amin' ny sitrapon' ny devoly sy ny nofo; ary tsarovy fa rehefa mihavana amin' Andriamanitra ianareo, dia ao amin' ny "fahasoavan' Andriamanitra ary amin' ny alalany ihany no ^bhamonjena anareo.

25 Koa Andriamanitra anie hanangana anareo amin' ny fahafatesana, amin' ny herin' ny fananganana amin' ny maty ary hanangana anareo koa amin' ny fahafatesana maharitra mandrakizay amin' ny herin' ny "sorompanavotana, mba hahazoana mandray anareo ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra mandrakizay, ka hahazoanareo midera Azy noho ny fahasoavana araka an' Andriamanitra. Amena.

TOKO 11

Nahita ny Mpanavotra azy i Jakôba — Ny lalàn' i Mosesy no tandindon' i Kristy ary nanaporofa ho avy Izy. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny dia nilaza zavatra maro hafa tamin' ny oloko i "Jakôba tamin' izany fotoana izany; kanefa dia ireo zavatra ireo ihany no ^bnampanoratiko,

satria ampy ho ahy ny zavatra izay efa nosoratako.

2 Ary ankehitriny izaho Nefia dia manoratra misimisy kokoa ny tenin' i "Isaia fa ny fanahiko dia finaritra amin' ny teniny. Fa hampihariko amin' ny oloko ny teniny ary hampitaiko any amin' ny zanako rehetra fa nahita marina tokoa ny ^bMpanavotra azy izy, dia toy ny efa nahitako Azy.

3 Ary nahita Azy koa i Jakôba rahalahiko toy ny efa "nahitako Azy; koa hampitaiko any amin' ireo zanako ny teniny mba hanaporofa aminy fa marina ny teniko. Koa amin' ny tenin' ny ^bvavolombelona telo, hoy Andriamanitra, no hampioarenako ny teniko. Kanefa mandefa vavolombelona misimisy Andriamanitra, ary porofoiny ny teniny rehetra.

4 Indro, finaritra ny fanahiko amin' ny "fanaporofoina amin' ny oloko ny fahamarinan' ny ^bfiavian' i Kristy; satria, izany no antony nanomezana ny "lalàn' i Mosesy; ary ny zavatra rehetra izay efa nomen' Andriamanitra ny olona hatry ny fiandohan' izao tontolo izao dia tandindony.

5 Ary ny fanahiko koa dia finaritra amin' ny "fanekehempihavanan' ny Tompo izay efa nataony tamin' ireo razantsika; eny, ny fanahiko dia finaritra amin' ny fahasoavany sy amin' ny faha-

24a TSM Fahasoavana.

b TSM Famonjena.

25a TSM Sorompanavotana.

11 1a 2 Ne. 6:1–10.

b 2 Ne. 31:1.

2a 3 Ne. 23:1.

b TSM Mpanavotra.

3a 2 Ne. 2:3;

Jakôba 7:5.

b 2 Ne. 27:12;

Etera 5:2–4;

F&F 5:11.

4a 2 Ne. 31:2.

b Jakôba 4:5;

Jarôma 1:11;

Almà 25:15–16;

Etera 12:19.

d 2 Ne. 5:10.

5a TSM Fanekehempihavanan' i Abrahama.

marinany ary ny heriny sy ny famindram-pony ao amin' ny drafitra lehibe sy mandrakizay ho fanafahana amin' ny fahafatesana.

6 Ary ny fanahiko dia finaritra amin' ny fanaporifoana amin' ny olona fa tsy maintsy ho ringana ny olona rehetra “raha tsy ho avy i Kristy.

7 Fa raha “tsy misy i Kristy, dia tsy misy Andriamanitra; ary raha tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy isika, satria tsy ho nisy ny ^bfahariana. Nefa misy Andriamanitra ary Izy no Kristy ary avy Izy amin' ny fahafenoan' ny fotoany.

8 Ary ankehitriny, manoratra ny sasantsasany amin' ny tenin' i Isaia aho, ka na zovy na zovy amin' ny oloko no hahita ireto teny ireto dia afaka hanandratra ny fony izy ka hifaly ho an' ny olon-drehetra. Ankehitriny, ireto no teny, ary azonareo ampiharina aminareo sy amin' ny olon-drehetra ireto.

TOKO 12

Nahita ny tempolin' ny andro farany, ny fanangonana an' i Isiraely sy ny fitsarana ary ny fandriampaha-

lemana tamin' ny arivotaona i Isaia —Haetry ny mpiavonavona sy ny olon-dratsy amin' ny Fiaviana Fanindroany— Ampitahao amin' i Isaia 2. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Ny teny izay “nahitan' i ^bIsaia, zanakalahin' i Amôza, ny momba an' i Joda sy i Jerosalema:

2 Ary ny zavatra hitranga amin' ny andro farany, rehefa haorina eo an-tampon- “tendrombohitra ny ^btendrombohitry ny “tranon' ny Tompo ary hasandratra ho ambonin' ny havoana ka hitanjototra hankany ny firenen-drehetra.

3 Ary hiainga ny vahoaka maro ka hiteny hoe, Avia ianareo, aoka isika hiakatra any an-tendrombohitry ny Tompo, hankany an-tranon' ny Andriamanitr' i Jakoba; dia hampianatra antsika ny lalany Izy, ary “handeha amin' ny lalany isika; fa avy any Ziona no hivoahan' ny ^blalàna, ary avy any Jerosalema ny tenin' ny Tompo.

4 Ary “hitsara eo anivon' ny firenena Izy sy handevilevy ny vahoaka maro: Dia hanefy ny sabany ho fangady tarihina ireo, ary ny lefony ho antsy fandra-tsana—ny firenena iray tsy

6a Môsià 3:15.

7a 2 Ne. 2:13.

^b TSM Fahariana.

12 1a HEB. *khazah*, midika hoe “nahazo fahitana.” Midika izany fa i Isaia dia nandray ny hafany tamin' ny alalan' ny fahitana avy tamin' ny Tompo.

^b Isaia toko 2–14 dia notanterin' i Nefia avy tamin' ireo takela-barahina ao amin' ny 2 Ne. 12–24; tsara ny manamarika fa misy fahasamihafana eo amin' ny teny sasantsasany.

2a F&F 49:25.

^b Joe. 3:17.

TSM Ziona.

^d TSM Tempoly, Tranon' ny Tompo.

3a TSM Mandeha, Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.

^b HEB. fampianarana na fotopampianarana. TSM Filazantsara.

4a 2 Ne. 21:2–9.

hanainga sabatra hamely ny firenena hafa sady tsy hianatra ady intsony izy.

5 Ry mpianakavin' i Jakoba, avia ianareo ary aoka isika handeha amin' ny fahazavan' ny Tompo; eny, avia, fa efa "nania ianareo rehetra, ny tsirairay tamin' ny lalan-dratsiny.

6 Koa, efa nahafoy ny olonao ianao ry Tompo, dia ny mpianakavin' i Jakoba, satria "tototry ny fomba avy any atsinanana izy ary mihaino ny ombiasy toy ny ^bFilistina sady ^dfinaritra ny tenany amin' ny fanaon' ny zana-bahiny.

7 Feno volamena sy volafotsy koa ny taniny sady tsy hita lany ny harenny; feno soavaly koa ny taniny sady tsy hita lany ny kalesiny.

8 Feno "sampy koa ny taniny; ny asan' ny tanany ihany no iankohofany, izay namboarin' ny rantsantanany ihany.

9 Ary "tsy hitanondrika ny iva razana ary tsy hanetry ny tenany ny avo razana, koa aza avela ny helony.

10 Ry ratsy fanahy, midira ao amin' ny vatolampy ary "miere ianao ao amin' ny vovoka fa hamely anao ny fatahorana ny

Tompo sy ny voninahitry ny fiandrianany.

11 Ary ny zavatra hitranga dia hatanondrika ny fiavonavom-pijerin' ny olona ary haetry ny fihamboan' ny olona, ary ny Tompo irery no hasandratra amin' izany andro izany.

12 Satria tonga tsy ho ela, amin' ny firenen-drehetra, ny "andron' ny Tompon' ny maro, eny, amin' ny tsirairay avy; eny, amin' ny ^bmpiavonavona sy ny mpieboebo ary amin' izay manandra-tena rehetra fa haetry izy.

13 Eny, ary ny andron' ny Tompo dia ho tonga amin' ny sedera rehetra any Libanona, satria avo ireo sady manerinerina; sy amin' ny hazo oaka rehetra any Basana;

14 Sy amin' ny tendrombohitra avo rehetra sy amin' ny havoana rehetra sy amin' ny firenena rehetra izay miavonavona ary amin' ny vahoaka rehetra;

15 Sy amin' ny tilikambo miringiringy rehetra ary amin' ny manda mafy rehetra;

16 Sy amin' ny sambon-"dranomasina rehetra ary amin' ny sambon' i Tarsisy rehetra sy amin' ny sary mahafinaritra rehetra.

17 Ary haetry ny fireharehan'

5a 2 Ne. 28:14;
Môsià 14:6; Almà 5:37.

6a IE nofenoina,
novatsiana
fampianarana,
finoana hafa.
Sal. 106:35.

b TSM Filistina.

d HEB. mifandray
tanana amin' ny,
namanao
fanekempihavanana
amin' ny.

8a TSM Fanompoan-
tsampy.

9a IE amin'
Andriamanitra;
naleony manompo
sampy.

10a Almà 12:14.

12a TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

b Mal. 4:1;
2 Ne. 23:11;
F&F 64:24.

16a Ny dikanten' Grika

(Septuagint) dia
misy andian-teny
iray izay tsy hita ao
amin' ny dikanten' y
Hebreo, ary ny
dikanten' Hebreo
dia misy andian-teny
iray izay tsy hita ao
amin' ny dikanten' y
Grika; fa misy azy
roa ny 2 Ne. 12:16.
Sal. 48:7;
Ezek. 27:25.

ny olona ka haidina ambany ny fihamboan' ny olona; ary ny Tompo irery no hasandratra amin' "izany andro izany.

18 Ary hovevoniny tanteraka ny sampy.

19 Ary hiditra any an-davabato sy anaty zohin' ny tany izy, satria ho tonga aminy ny fahatahorana ny Tompo ary hamely azy ny voninahitry ny fiandrianany, rehefa hitsangana Izy hampihorohoro izaitsizy ny tany.

20 Amin' izany andro izany dia "harian' ny olona ho an' ny voalavo sy ny ramanavy ny sampy volafotsiny sy ny sampy volamenany izay efa namboariny ho azy ihany mba hiankohofany;

21 Mba hidirany any an-tsefatsefaky ny vatolampy sy eo antampon' ny vatolampy mitringitringy, satria ho tonga aminy ny fahatahorana ny Tompo ary hamely azy ny voninahitry ny fiandrianany, rehefa hitsangana Izy hampihorohoro izaitsizy ny tany.

22 Atsaharonareo ny fitokiana amin' "olona izay eo amin' ny vavorony ny fofon' ainy; fa mba manan-danja toa inona moa izy?

TOKO 13

Hofaizina i Joda sy i Jerosalema noho ny tsy fankatoavany—Nandahateny taminy sy nitsara ny vahoakany ny Tompo—Nozonina sady nam-

pijaliana ny zanakavavin' i Ziona noho ny rehak' izao tontolo izao. Ampitahao amin' i Isaia 3. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Fa indro ny Tompo, ny Tompon' ny maro dia manaisotra amin' i Jerosalema sy amin' i Joda ny vatsy sy tohana, ny tohan' aina rehetra amin' ny mofo sy ny vatsy manontolo amin' ny rano—

2 Ny lehilahy mahery sy ny lehilahy mpianady, ny mpitsara sy ny mpaminany ary ny malina sy ny anti-panahy;

3 Ny mpifehy ny dimampolo sy ny manan-kaja ary ny mpamolotsaina sy ny ombiasy fatsoara ary ny mpandahateny mahay.

4 Ary Izaho hanome azy ankizy ho printsiny, ary zazakely no hanapaka azy.

5 Ary hampahoriana ny vahoaka, ny tsirairay hampahory ny hafa, ary ny tsirairay dia hampahorian' ny namany; ny ankizy haneho fiavonavonana amin' ny anti-panahy, ary ny olon-tsotra amin' ny manan-kaja.

6 Rehefa hazonin' ny olona iray ny rahalahiny ao an-tranon-drainy ka hilazany hoe: Ianao no manana lamba, aoka ho mpiifehy anay, ary aza avela ho tonga eo an-tananao izao "faharavana izao—

7 Hiozonozona izy amin' izany andro izany, hanao hoe: Tsy te ho "mpanasitrana aho; satria tsy misy hanina na lamba ao an-

17a IE ny andro hahatongavan' ny Tompo amimboninahitra.

20a HEB. hoesorina hiala.

22a IE Atsaharo ny

fiantetherana amin' ny olona mety maty; kely ny heriny raha oharina amin' Andriamanitra. Mos. 1:10.

13 6a Isa. 3:6.

7a HEB. mpikarakara (ratra); i.e. tsy afaka ny hamaha ny olanao aho.

tranoko; aza atao mpifehy ny vahoaka aho.

8 Fa “rava i Jerosalema ary ^bmirodana i Joda, satria ny lela-ny sy ny asany dia samy manohitra ny Tompo, ka mihantsy ny mason’ ny voninahiny.

9 Ny toetry ny tarehiny dia vavolombelona miampanga azy sy mampiharihary fa mitovy amin’ ny an’ i “Sodoma ny fahotany, tsy azony afenina. Lozan’ ny fanahiny fa efa nampidi-doza tamin’ ny tenany izy.

10 Lazao amin’ ny marina fa efa “mandry ny aminy; fa hihinana ny vokatry ny asany izy.

11 Lozan’ ny olon-dratsy fa ho fongana izy; fa hanody azy ny valin’ ny nataon’ ny tanany!

12 Ary zaza no mpampahory ny vahoakako ary vehivavy no manapaka azy. Ry vahoakako, ireo izay “mitarika anao no mampaniasia anao sy mandrava ny soritry ny lalanao.

13 Mitsangana ny Tompo “hisolo vava ary mitsangana lzy hitsara ny vahoaka.

14 Ny Tompo dia hitsara anao miaraka amin’ ireo anti-panahin’ ny vahoakany sy ny “printsiny; satria efa ^blaninareo ny teo amin’ ny tanimboly ary ny ^dfananan’

ny “mahantra nendahina taminy dia ao an-tranonareo.

15 Inona no tianareo holazaina? Montsamontsaninareo ny vahoakako ary torotoroinareo ny tavan’ ny mahantra, hoy ny Tompo Andriamanitry ny Maro.

16 Ary hoy koa ny Tompo hoe: Satria miavonavona ny zanakavavin’ i Ziona sy mandeha milanjalanja loha sy maolamaola fijery, “kasikasy famindra raha mandeha ary mampikorintsana ny fehin-tongony.

17 Noho izany dia hampisy takopery ny tampon-dohan’ ny zanakavavin’ i Ziona ny Tompo ary “hampiseho ny fitanjahany.

18 Ary amin’ izany andro izany dia hoesorin’ ny Tompo ny hakanton’ ny firavany mikorintsana mbamin’ ny “fehiloha sy ny ^brado mitarehim-bolan-tsina-nana;

19 Ny rojo sy ny haba ary ny “lamba fisalobonana;

20 Ny satroka sy ny haba amin’ ny ranjo mbamin’ ny fehiloha sy ny fitehirizan-dranomanitra ary ny kavina;

21 Ny peratra sy ny kavina amin’ ny orona;

22 Ny “fitafiana miraratra sy ny palitao ary ny kapaoty sy ny poketra;

8a Jer. 9:11.

b Fit. 1:3.

9a Gen. 19:1, 4–7, 24–25.

TSM Sodomita.

10a Deot. 12:28.

12a Isa. 9:16.

13a HEB. miady. Mika 6:2;

F&F 45:3–5.

14a HEB. mpanapaka na mpitondra.

b HEB. levona, na may.

d Isa. 5:7.

e 2 Ne. 28:12–13.

16a IE mamindra manao dingana fohy sy haingana, feno hajejona.

17a HEB. “mampihanja-hanja”, sarinteny midika hoe “manala baraka azy ireo.”

18a Mety ho-saron-doha. Tsy mitovy foana ny hevitry ireo

manampahefana ny amin’ ny karazana firavaka entin’ ny vehivavy izay tanterina ao amin’ ny andininy 18–23.

b IE firavaka mitovy endrika amin’ ny tsinam-bolana.

19a HEB. voaly.

22a HEB. fitafiana marevaka.

23 Ny “fitaratra sy ny lamba hariry madinika ary ny saly sy ny voaly.

24 Ary ny zavatra hitranga dia ny manitra hosoloana maimbo; ary ny sikina hosoloana “tady; ary ny volo voamboatra hosoloana loha sola; ary ny ^bakanjo miebanebana hosoloana lamba fisaonana; ary ny hatsaran-tarehy hosoloana marika “mahamay.

25 Ho lavon-tsabatra ny lehilahy ao aminao ary ho lavo an’ ady ny mahery fo ao aminao.

26 Ary hitomany sy hisaona ny vavahadiny ary ho aolo izy sy hipetraka amin’ ny tany.

TOKO 14

Havotana i Ziona sy ny zanakavavin’ ny ary hodiovina amin’ ny andron’ ny arivotaona—Ampitahao amin’ i Isaia 4. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY amin’ izany andro izany dia hihazona lehilahy iray ny vehivavy fito, ka hanao hoe: Hihinana ny mofonay ihany izahay sy hitafy ny akanjonay ihany; fa aoka izahay mba hantsoina fotsiny amin’ ny anaranao mba hialan’ ny “fahafaham-barakanay.

2 Amin’ izany andro izany dia ho feno fahatsarana sy voninahitra ny “sampana ao amin’ ny Tompo; ho soa sy meva ny vokatry ny tany ho an’ ireo

izay efa ieren-doza amin’ i Isiraely.

3 Ary ny zavatra hitranga dia hantsoina hoe masina ireo izay tavela ao Ziona sy mitoetra ao Jerosalema, ny tsirairay izay soratana eo anivon’ ny velona ao Jerosalema—

4 “Rehefa ho ^bvoasasan’ ny Tompo ny fahalotoan’ ny zanakavavin’ i Ziona ary ho voadio amin’ ny fanahin’ ny fitsarana sy ny fanahin’ ny “fandringanana ny ra izay eo afovoan’ i Jerosalema.

5 Ary ny Tompo hamorona “rahona sy setroka mandritra ny andro ary fahazavan’ ny afo midedadeda nony alina, ho eo ambonin’ ny fitoerana rehetra any an-tendrombohitr’ i Ziona sy eny ambonin’ ny fivoriany; satria hisy fiarovana eo ambonin’ ny voninahitr’ i Ziona manontolo.

6 Ary hisy tabernakely ho fiakalofana amin’ ny hainandro mandritra ny andro ary ho toeram-“pialofana sy fierena amin’ ny tafio-drivotra sy ny ranononana.

TOKO 15

Ho aolo ny tanimbolin’ ny Tompo (Isiraely) ary haely patrana ny olony—Antambo no hanjo ireo izay mivadika sy misaratsaraka—Hanangana faneva ny Tompo ary hanangona an’ i Isiraely—Ampi-

23a NA fitafiana manify.

24a HEB. voro-kitsay.

b NA akanjo lava.

d NA famantaarana (mariky ny fanandevozana).

14 1a IE famantarana fa na tsy manam-bady na momba.

2a Isa. 60:21;

2 Ne. 3:5;

Jakôba 2:25.

4a IE Rehefa voadion’ ny Tompo ny tany.

b TSM Fanasana.

d Mal. 3:2–3; 4:1.

5a Eks. 13:21.

6a Isa. 25:4; F&F 115:6.

tahao amin' i Isaia 5. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY amin' izany aho dia hihira ho an' ny malalako indrindra, dia ilay "hiran' ny malalako mikasika ny tanimboliny. Manana tanimboly eo amin' ny havoana tena mahavokatra ny malalako indrindra.

2 Ary nofefeny izy, ary nesoriny ny vato taminy ka novoleny "voaloboka nofinidy indrindra, ary nananganany tilikambo teo afovoany, ary koa nanaovany famiazam-boaloboka tao; ary nampoiziny hamoa voaloboka izy, ary namoa voaloboka dia izy.

3 Ary ankehitriny, Ry mponina ao Jerosalema sy ry lehilahin' i Joda, masina ianareo, tsarao iza-ho sy ny tanimboaloboko.

4 Inona no azoko natao tamin' ny tanimboliko ka tsy efa nataoko taminy? Noho izany raha nanampo azy hamoa voaloboka aho, dia namoa voaloboka dia izy.

5 Ary ankehitriny andeha; holazaiko anareo izay hataoko amin' ny tanimboliko—"Hoesoriko ny fefiny ary dia ho fongana izy; ary harodako ny mandany ary dia ho voahosihosy izy;

6 Havelako ho tany ngazana izy; sady tsy horantsanana izy

no tsy hohevoina; fa haniry aminy ny "hery sy ny tsilo; ary handidy ny rahona koa aho mba tsy ^bhandrotsaka orana aminy.

7 Fa ny "tanimbolin' ny Tompon' ny Maro dia ny mpianakavin' i Isiraely ary ny lehilahin' i Joda no voliny mahafinaritra; ary nanantena ny ^bhitsiny izy, kanjo indro fampahoriana; ary nanantena ny rariny, kanjo indro fitarainana.

8 Lozan' ireo izay manampy "trano amin' ny trano, ambarapaha-tsy hisian' ny toerana intsony mba hahazoany mitoetra ^birery eo afovoan' ny tany!

9 Tao an-tsofiko no nitenenan' ny Tompon' ny Maro hoe: Marina tokoa fa ho aolo ny trano maro ary ireo tanàna lehibe sady tsara dia tsy hisy mponina.

10 Eny, ny tanimboly folo ara dia hamokatra iray "vata, ary ny ambioka eran' ny homera dia hamokatra efaha iray.

11 Lozan' ireo mifoha maraina koa mba hahazoany "mitady zava-pisotro mahamamo ka miboboka mandrapaha-alina ny andro, ary ampirehetin' ny ^bdivay.

12 Ary ny harpa sy ny lokanga ny ampongatapaka sy ny sodina ary ny divay no eo amin' ny fanasany; fa tsy mba "jereny ny asan' ny Tompo, sady tsy heveriny ny ataon' ny tanany.

15 1a IE Ny mpaminany dia nanoratra hira na tononkalo fanoharana ny tanimboaloboka, maneho ny famindram-pon' Andriamanitra sy ny tsy firaharahan' i Isiraely.

2a Jer. 2:21.
5a Sal. 80:12.
6a Isa. 7:23; 32:13.
b Jer. 3:3.
7a TSM Tanimbolin' ny Tompo.
b NA fahamarinana.
8a Mika 2:1–2.
b IE navela hitoetra

irery. Maka ny tany kelin' ireo mahantra ireo tompo-tany mpanankarena.
10a Ezek. 45:10–11.
11a Ohab. 23:30–32.
b TSM Tenin' ny Fahendrena.
12a Sal. 28:5.

13 Koa lasan-ko babo ny oloko noho ny tsy “fahalalany; ary mosarena ny manan-kajany ary main’ ny hetaheta ny valalabe-mandriny.

14 Koa efa nanitatra ny ambaindany ny helo sy efa nampitanatana izaitsizy ny vavany; ary ny tabihany sy ny valalabe-mandriny ary ny reharehany sy izay mifaly no hidina ao.

15 Ary haidina ambany ny iva razana ary haetry ny lehilahy mahery ary hatanondrika ny mason’ ny mpiavonavona.

16 Fa ny Tompon’ ny Maro kosa no hasandratra amin’ ny “fitsarana, ary Andriamanitra izay masina no hohamasinina amin’ ny fahamarinana.

17 Amin’ izany ny zanak’ ondry dia hiraoka toy ny fanaony, ary ny toerana foana an’ ireo matavy dia hohanin’ ny vahiny.

18 Lozan’ izay mitari-keloka amin’ ny kofehin’ ny “fieboeboa-na, sy mitarika fahotana ^btoy ny mahazakan-tsarety;

19 Ka miteny hoe: Aoka “hoha-fainganiny sy hododonany ny asany ^bhahitantsika izany; ary aoka ny torohevitra ny Iray Masin’ ny Isiraely hanatona akaiky ka ho tonga mba hahafantaran-tsika izany.

20 Lozan’ izay “miantso ny

ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy, izay mametraka ny ^bhaizina ho hazavana ary ny hazavana ho haizina, izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy!

21 Lozan’ ireo izay “manao azy ho hendry sy mihevi-tena ho malina!

22 Lozan’ izay mahery amin’ ny fisotroana divay sy ny lehilahy matanjaka amin’ ny fampiharoaroana zavapisotro mahamamo;

23 Izay manome rariny ny meloka noho ny kolikoly sy “manaisotra ny fahamarinana amin’ ny marina!

24 Koa toy ny fandanian’ ny “afo ny ^bkolokolo sy toy ny fandevon’ ny lelafo ny “mololo no ho fahalovan’ ny fakany, ary ny voniny hitora-jofa toy ny vovoka; satria efa nandà ny lalàn’ ny Tompon’ ny Maro izy sy “nana-mavo ny tenin’ ny Iray Masin’ ny Isiraely.

25 Noho izany ny “fahatezeran’ ny Tompo dia mirehitra amin’ ny vahoakany, ary efa naninjitra ny tanany taminy izy ary nikapoka azy; ary ny havoana dia nihorohoro, ary ny fatiny dia norotidrotehana teny afovoandalana. Na dia teo aza izany, dia tsy mbola mitony ny fahate-

13a Hosea 4:6.

tsm Fahalalana.

16a tsm Jesoa Kristy—
Mpitsara.

18a tsm Zava-poana.

^b Ie Voafatotra amin’
ny fahotany toy ny
biby amin’ ny
ziogany izy ireo.

19a Jer. 17:15.

^b Ie Tsy hino ny Mesia
izy ireo raha tsy
mahita azy.

20a Môrô. 7:14, 18;

F&F 64:16; 121:16.

^b 1 Jn. 1:6.

21a Ohab. 3:5–7;

2 Ne. 28:15.

23a Ie hoesorina aminy
ireo zony ara-dalàna

24a Oba. 1:18; Mal. 4:1–2;
2 Ne. 20:17.

^b Joe. 2:5;

1 Ne. 22:15, 23;

2 Ne. 26:4, 6;

F&F 64:23–24; 133:64.

^d Lio. 3:17;

Môsià 7:29–31.

^e 2 Sam. 12:7–9.

25a F&F 63:32; Mos. 6:27.

zerany fa mbola mihinjitra kosa ny tanany.

26 Ary hanangana “faneva Izy ho an’ ny firenena lavitra ary ^bhisioaka ireo avy any am-paran’ ny tany; ary indro, ho “avy faingana dia faingana tokoa ireo sady maimay erỳ; tsy hisy ho reraka na ho tafintohina aminy.

27 Tsy hisy ho rendremana na hatory; sady tsy hiboraka ny fehin’ ny sikiny no tsy ho tapaka ny fehin-kapany;

28 Horanitina ny zana-tsipikany, ary hohenanina avokoa ny tsipikany, ary hanjary ho toy ny afovato ny kitrontsoavaliny, ary ho toy ny tadio ny kodiarany, ho toy ny fieron’ ny liona ny fierony.

29 Hierona toy ny “liona tano-
ra izy ireo; eny, hierona izy ireo sady hanambotra ny haza, ary hitondra azy amin’ ny toerana azo antoka, izay tsy hisy hana-faka azy.

30 Ary amin’ izany andro iza-
ny dia hirohondrohona aminy toy ny firohondrohon’ ny rano-
masina ireo; ary raha mijery ny tany ireo, dia indro, haizina sy alahelo sady hamaizinina ny fahazavana eny an-danitra.

TOKO 16

*Nahita ny Tompo i Isaia—Navela
ny fahotan’ i Isaia—Nantsoina*

haminany izy—Naminany ny amin’ ny fandavan’ ny Jiosy ny fampianaran’ i Kristy izy—Ny sisa tavela dia hiverina—Ampitahao amin’ i Isaia 6. Tokony ho 559–545 talohan’ i j.k.

TAMIN’ ny “taona nahafatesan’ i Ozia mpanjaka no nahitako koa ny Tompo mipetraka eo ambonin’ ny seza fiandrianany avo sady manerinerina, ary nahafeno ny tempoly ny ^bebaneban’ akanjony.

2 Nitsangana teo ambonin’ io ny “serafima; samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany ary ny roa nanarony ny tongony ary ny roa nanidinany.

3 Ary nifampiantsoantso izy ka nanao hoe: Masina, masina, masina, ny Tompon’ ny Maro; henika ny voninahiny ny tany manontolo.

4 Ary nihozongozona ny “tokonam-baravarana noho ny feon’ ilay niantsoantso ary feno setroka ny trano.

5 Dia hoy aho tamin’ izay: Lozako! “maty aho; satria lehilahy maloto molotra aho; ary monina eo anivon’ ny olona maloto molotra; nefa ny masoko efa nahita ny Mpanjaka, ny Tompon’ ny Maro.

6 Dia nanidina nanatona ahy tamin’ izay ny anankiray tamin’

26a TSM Faneva.

^b NA sioka; i.e, feo fanairana ho amin’ ny fanangonana. Isa. 7:18; 2 Ne. 29:2.

^d TSM Isiraely—Ny fanangonana ny

Isiraely.

29a 3 Ne. 21:12–13.

16 1a IE tokony ho 750 talohan’ i j.k.

^b IE ny sombin’ ny fitafiany, na ny silany.

2a TSM Kerobima.

4a HEB. nihorohoro ny fototry ny tokenana.

5a HEB. noesorina; i.e ankon’ ny fahatsapan-tena noho ny fahotany sy ny an’ ny vahoakany izy.

ireo serafima nitondra “vainafo teny an-tanany izay nalainy tamin’ ny tandra avy teo amin’ ny alitara;

7 Ary natehiny ny vavako izany ka hoy izy: Indro, efa nitehika ny molotrao io; ary esorina ny “helokao ary avela ny fahotanao.

8 Ary nandre ny feon’ ny Tompo koa aho, nanao hoe: Iza no hirahiko ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy aho tamin’ izay: Inty aho; iraho aho.

9 Dia hoy Izy: Mandehana ka lazao amin’ ity vahoaka ity hoe—Mandrenesa tokoa ianareo, fa tsy nahazo izy; ary mijere tokoa ianareo, fa tsy nahita izy.

10 Ataovy matavy ny fon’ ity vahoaka ity sy ataovy lalodalovana ny sofiny ary akimpio ny masony—fandrao hahita amin’ ny masony izy sy “handre amin’ ny sofiny ary hahazo amin’ ny fony ka hiova fo ary ho sitrana.

11 Ary hoy aho tamin’ izay: Tompo ô, mandra-pahoviana? Ary hoy Izy: Mandra-panjarian’ ny tanàna ho foana tsy misy mponina sy ny trano tsy misy olona ary ny tanàna ho aolo tanteraka;

12 Ary ny Tompo efa “namin-dra ny olona any lavitra fa hisy famoizana lehibe eo afovoan’ ny tany.

13 Nefa mbola hisy am-pahafolony, ary hiverina ireo ary ho

levona toy ny terebinta sy ny oaka izay ao anatin’ ny votoatiny rehefa manintsan-dravina izy; ka ny taranaka masina no ho “votoatiny.

TOKO 17

Namaky ady tamin’ i Joda i Efraïma sy i Syria—Hateraky ny virijiny i Kristy—Ampitahao amin’ i Isaia 7. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia tamin’ ny andron’ i Ahaza zanakalahin’ i Jotama, izay zanakalahin’ i Ozia mpanjakan’ i Joda, no niakaran’ i Rezina mpanjakan’ i Syria sy i Peka zanakalahin’ i Remalia, mpanjakan’ i Isiraely, hankany Jerosalema mba hiady aminy, nefa tsy naharesy azy izy.

2 Ary nolazaina tamin’ ny mpianakavin’ i Davida hoe: Miandany amin’ i Syria i “Efraïma. Dia nihararetra ny fony sy ny fon’ ny vahoakany toy ny fihararetran’ ny hazo any an’ ala amin’ ny rivotra.

3 Tamin’ izay dia hoy ny Tompo tamin’ i Isaia: Mandehana ankehitriny ianao sy i “Searajasoba, zanakao lahy, hitsena an’ i Ahaza eo amin’ ny faran’ ny lakandranon’ ny farihy ambony, eo amin’ ny lalambe mankamin’ ny sahan’ ny mpanasa lamba;

4 Ary lazao aminy hoe: Mitan-

6a IE tandindon’ ny fanadiovana.

7a TSM Famelana ny Fahotana.

10a Mat. 13:14–15.

12a 2 Mpan. 17:18, 20.

13a IE Toy ny hazo, na

dia mihintsana aza ny raviny, dia mbola velona ihany ary mbola afaka mamoa voa.

17 2a IE Isiraely tavaratra rehetra dia nantsoina

tamin’ ny anarana hoe Efraïma, izay foko nitarika azy ireo.

3a HEB. hiverina ny sisa tavela.

drema, ary mitonia; “aza matahotra, aoka tsy ho reraka ny fonao, satria midonaka ireo tapa-porohana roa ireo, dia ny fahatezeran-dRezina mivaivay amin’ i Syria sy ny an’ ny zanakalahin-dRemalia.

5 Noho i Syria sy i Efraima ary ny zanakalahin’ i Remalia efa nanao teti-dratsy hanohitra anao ka nanao hoe:

6 Andeha isika hanani-bohitra any Joda ary hampahadikidiky azy sy “hanao famaharana ao ho antsika, ary hametrahantsika mpanjaka iray eo anivony, eny, dia ny zanakalahin’ i Tabeala izany.

7 Izao no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Sady tsy hitranga izany no tsy ho tanteraka.

8 Fa i Damasy no lohan’ i Syria ary i Rezina no lohan’ i Damas-kosy; ary ao anatin’ ny dimy amby enimpolo taona dia ho potika i Efraima ka tsy ho vanon-ko firenena intsony.

9 Ary i Samaria no lohan’ i Efraima ary ny zanakalahin’ i Remalia no lohan’ i Samaria. Raha “tsy mety mino ianareo dia tsy ho tafatoetra marina tokoa.

10 Ankoatra izany dia niteny tamin’ i Ahaza indray ny Tompo, nanao hoe:

11 Mangataha ianao “famantarana amin’ ny Tompo Andriamanitrao; angataho izany na ho

ao amin’ ny lalina, na ho eny amin’ ny avo eny ambony.

12 Nefa hoy i Ahaza: Sady tsy hangataka aho no tsy “haka fanahy ny Tompo.

13 Ary hoy izy: Mihainoa ianareo ankehitriny, Ry mpianakavin’ i Davida; moa zava-bitika aminareo va ny manasatra ny olona no dia hanasatra ny Andriamanitra koa ianareo?

14 Koa ny Tompo mihitsy no hanome famantarana anareo — Indro, hitoe-jaza ny “virijiny ka hiteraka zazalahy ary hanao ny anarany hoe ^bImanoela.

15 Hero-dronono sy tantely no hohaniny mba hahazany mandà ny ratsy ka hifidy ny tsara.

16 Fa mialohan’ ny hahazan’ ny “zaza mandà ny ratsy ka mifidy ny tsara, dia hohafoin’ ireo mpanjaka ^broa ireo ny firenena izay ankahalainao.

17 Ny Tompo “hahatonga aminao sy amin’ ny olonao ary amin’ ny ankehonon-drainao andro izay tsy mbola nisy toa azy hatramin’ ny andro nialan’ i ^bEfraima tany Joda, mpanjakan’ i Asyria.

18 Ary ny zavatra hitranga amin’ izany andro izany dia “hisiaka hiantso ny lalitra izay any amin’ ny faritanin’ i Egipta lavitra indrindra ny Tompo sy ny renitantely izay any amin’ ny tany Asyria.

4a IE Aza malahelo ny amin’ ny fanafihana, kely sisa ny hery ananan’ ireo mpanjaka roa ireo.
6a HEB. hozaraina izy.
9a 2 Tan. 20:20.
11a TSM Famantarana.

12a IE mitsapa, mizaha, na misedra.
14a TSM Virijiny.
b HEB. Miaraka amintsika Andriamanitra.
TSM Imanoela.
16a 2 Ne. 18:4.

b 2 Mpan. 15:30; 16:9.
17a 2 Tan. 28:19–21.
b 1 Mpan. 12:16–19.
18a NA sioka, i.e famantarana, fanairana.
Isa. 5:26.

19 Dia ho avy ireo, ka samy hiala sasatra eny amin' ny lohasaha aolo sy eny an-tsefatsefaky ny harambato ary eny amin' ny tsilo rehetra eny sy eny amin' ny kirihitra rehetra eny.

20 Amin' izany andro izany ihany no "hanaratan' ny Tompo ny loha sy ny volon-tongotra amin' ny hareza nohofain' ireo izay teny am-pitan' ny renirano sy ny 'mpanjakan' i Asyria; ary hokakasana aminy koa ny volom-bava.

21 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny olona iray "hamahana ombivavy tanora iray sy ondrivavy roa;

22 Ary ny zavatra nitranga, noho ny habetsahan' ny ronono homen' ireo biby ireo, dia hihi-nana rononomandry izy; satria rononomandry sy tantely no hohanin' ny olona rehetra sisa tavela amin' ny tany.

23 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny toerana rehetra nisy tahom-boaloboka arivo izay lafo sekely "volafotsy arivo, dia ho rakotra hery sy tsilo.

24 Zana-tsipika sy tsipika no hoentin' ny olona mankao, satria ny tany manontolo dia hanjary hery sy tsilo.

25 Ary tsy hisy hankamin' ireo havoana rehetra izay nohevoina tamin' ny angady ireo, noho ny fahatahorana ny hery sy ny tsilo; fa ho falehan' ny omby ireny

ary ho voahitsakitsaky ny biby "fiompy madinika.

TOKO 18

Ho toy ny vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka i Kristy — Tadiavo ny Tompo fa tsy ireo mpisikidy mitsiatsiaka — Itodiho ny lalàna sy ny fanambarana mba ho torolalana — Ampitahao amin' i Isaia 8. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Hoy ihany ny tenin' ny Tompo tamiko: Mangalà horonan-taratasy iray lehibe ka soraty amin' izany amin' ny penin' ny olona ny momba an' i "Mahera-salalahasi-baza.

2 Ary naka "vavolombelona mahatoky ho ahy aho mba hanoratra, dia i Oria mpisorona sy i Zekaria, zanakalahin' i Jeberekia.

3 Ary nankany amin' ny "mpaminanivavy aho; ary nitoe-jaza izy ka tera-dahy. Hoy ny Tompo tamiko tamin' izay: Antsoy hoe Mahera-salalahasi-baza ny anarany.

4 Fa indro, "mialohan' ny haizaan' io ^bzaza io manonona hoe Ikaky sy Ineny, dia hoentina eo anatrehan' ny mpanjakan' i Asyria ny haren' i Damaskosy sy ny "babon' i Samaria.

5 Mbola niteny tamiko indray ny Tompo, nanao hoe:

6 Satria ity firenena ity mandà

20a IE Hozanahin' ny mpanafika vahiny ny tany.

b 2 Mpan. 16:5–9.

21a IE Olona vitsy mahavita tena no ho

hany tavela.

23a NA vola volafotsy.

25a HEB. ondry, na osy.

18 1a IE mananontanona ny fandravana.

2a TSM Vavolombelona.

3a IE ny vadiny.

4a Isa. 8:4.

b 2 Ne. 17:16.

d 2 Mpan. 15:29.

ny ranon' i "Siloa izay misono-noka miadana, ary mifaly amin-^bdRezina sy amin' ny zanakalahin' i Remalia;

7 Dia ankehitriny, indro, mampiakatra eo amin' "ireo ny renirano izay mahery sady betsaka ny Tompo, dia ny mpanjakan' i Asyria sy ny voninahiny rehetra; ary hanondraka ny masondranony rehetra izy, ary hihoarany avokoa ny morony.

8 Ary "hamakivaky an' i Joda izy; hanafotra izy sy hihoatra, na dia hisondrotra havozone aza; ary ny fivelaran' ny elany dia hahenika ny ambaindain' ny taninao, Ry ^bImanoela.

9 "Mivondrôna ianareo, ry firenena ary ianareo dia homontsamontsanina; atongilano ny sofinareo ry firenena lavitra rehetra; misikina ianareo, ary ianareo dia homontsamontsanina; misikina ianareo, ary ianareo dia homontsamontsanina.

10 Milà hevitra miaraka, ary ho tsinontsinona izany; manomeza baiko, ary tsy hahomby izany; "fa momba anay Andriamanitra.

11 Fa niteny toy izany tamiko ny Tompo tamin' ny tanana mahery ary nananatra ahy tsy

handeha amin' ny falehan' ity firenena ity, nanao hoe:

12 Aza lazainareo hoe "tsikombakomba izay rehetra lazain' ity firenena ity ho tsikombakomba; sady aza matahotra izay atahorany na manahy ianareo.

13 Manamasina ny Tompon' ny Maro, ary aoka Izy no "hatahoranareo, ary aoka Izy no hangovitanareo.

14 Dia ho "fialofana Izy; fa ho ^bvato mahatafintohina sy ho vatolampy mahasolafaka kosa ho an' ireo mpianakavy roa amin' i Isiraely sady fandrika no tadiavarana ho an' ny mponina ao Jerosalema.

15 Ary maro aminy no ho "tafintohina ka ho lavo sy ho torotoro, ary ho voafandrika sy ho voasambotra.

16 Fehezo ny fanambarana ary asio tombo-kase ny "lalàna eo anivon' ny mpianatro.

17 Ary izaho hatoky ny Tompo izay "manafina ny tavany amin' ny mpianakavin' i Jakoba ary hiandrindra Azy aho.

18 Indro, izaho sy ny zaza izay efa nomen' ny Tompo ahy dia "famantarana sy fahagagana amin' i Isiraely avy amin' ny

6a Gen. 49:10; djs,
Gen. 50:24.
b Isa. 7:1.
7a IE eo amin' Isiraely
tavaratra no
voalohany.
8a IE Hiditra ao Joda
ihany koa i Asyria.
b TSM Imanoela.
9a IE Manao fanekena.
10a IE Tsy ho kasihina i
Joda (tanin' i
Imanoela). Sal. 46:7.

12a IE Tsy tokony
hiantehitra amin' ny
tsikobakomba miafin'
ny hafa i Joda ho
fialofany.
13a IE Mahaiza manaja
sy manetry tena eo
anoloan'
Andriamanitra.
14a Ezek. 11:15–21.
b 1 Pet. 2:4–8; Jakôba
4:14–15.
15a Mat. 21:42–44.

16a HEB. fampianarana,
na fotopampianarana.
TSM Filazantsara.
17a Isa. 54:8.
18a IE ny anaran' i Isaia
sy ireo zanany lahy
dia midika avy hoe;
"Jehovah no
mamonjy"; "Mihaino
vavaka izy"; ary
"Hiverina ireo sisa
tavela."
2 Ne. 17:3; 18:3.

Tompon' ny Maro, izay monina ao an-Tendrombohitry i Ziona.

19 Ary raha hilaza aminareo izy hoe: Milà torohevitra amin' ireo izay "miantso ny maty sy ny ^bmpisikidy izay mitsiatsiaka sy mimenomenona —^dmoa tsy ny Andriamaniny ihany va no tokony hadikadinin' ny olona mba hahainoan' ny velona izay 'manjo ny maty?

20 Amin' ny lalàna sy ny fanambarana; ary "raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia satria tsy misy hazavana ao aminy.

21 Ary "hamakivaky izany izy, fadiranovana be tokoa sy mosarena; ary ny zavatra hitranga, rehefa mosarena izy, dia hisafoaka ny tenany ka hanozona ny mpanjakany sy ny Andriamaniny ary hian-drandra.

22 Ary hijery ny tany izy ary hahita fahasahiranana sy haizina, haizin' ny famoizam-po, ary horoahina hankany amin' ny haizina izy.

TOKO 19

Niteny ho an' ny Mesia i Isaia — Hahita mazava lehibe ny olona ao amin' ny haizina — Zaza no nateraka ho antsika — Ho Andrian' ny Fiadanana Izy ary hanjaka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida —

Ampitahao amin' i Isaia 9. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

KANEFA tsy ho tahaka ny tamin' ny androm-pahorianty ny haizina, fony izy nampijaly kely foana ny "tany Zebolona sy ny tany Naftalia tany am-boalohany sy rehefa nampitondra faisana izy tato aoriana tamin' ny lalana amoron' ny Ranomasina Mena, ampitan' i Jordana, any Galilia misy ireo firenena maro.

2 Ny olona izay nandeha tao amin' ny "haizina dia efa nahita hazavana lehibe; ireo izay mitoetra ao amin' ny tany aloky ny fahafatesana no efa niposahan' ny hazavana.

3 Hamaroinao ny firenena ary "ampitomboinao ny fifaliana — mifaly eo anatrehanao izy toy ny fifaliana amin' ny fararano sy toy ny olona mifaly raha mizara babo.

4 Fa notapahinao ny ziogan' ny enta-mavesany sy ny bao teo antsony ary ny tsorakazon' ny mpampahory azy.

5 Fa ny ady rehetra an' ny mpiady dia arahina horakoraka mifanjevo sy fitafiana mihosindra; nefa dia hodorana izany, ary ho kitay ho an' ny afo.

6 Fa "zaza no teraka ho antsika; zazalahy no omena antsika, ary ny ^bfanapahana dia ho eo antsony; ary ny anarany antsoina hoe: Mahagaga, Mpanolo-

19a Lev. 20:6.

^b IE mpamosavy,

mpanandro.

^d 1 Sam. 28:6–20.

^e NA misolo tena an' ny.

20a IE mpitory teny matianina (andiny)

20–21 ihany koa).

21a IE Hoentina ho babo i Isiraely noho izy ireo minia tsy mihaino.

19 1a Mat. 4:12–16.

2a Ny "haizina" dia ny apôstazia sy ny

fahababoana, i Kristy no ilay "fahazavana lehibe."

3a Isa. 9:3.

6a Isa. 7:14; Lio. 2:11.

^b Mat. 28:18.

tsaina, ^dAndriamanitra Mahery, Ny ^eRay Maharitra Mandrakizay, Ny Andrian' ny ^fFiadanana.

7 Ny fitomboan' ny ^afanapahany sy ny fiadanany dia ^btsy misy fetra eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida sy eo amin' ny fanjakany mba handidiany sy hampioerenany azy araka ny hitsiny sy ny rariny, hatramin' izao ka ho mandrakizay. Ny faharisihan' ny Tompon' ny Maro no hanatanteraka izany.

8 Nandefa ny teniny ho an' i Jakoba ny Tompo, ary efa nianjera tamin' i ^aIsiraely izany.

9 Ary ho fantatry ny olona rehetra na dia i Efraïma sy ny mponina any Samaria aza, izay miteny amin' ny fiavonavonana sy fireharehan' ny fo hoe:

10 Efa mirodana ny biriky, nefa hanorina amin' ny vato voapaika isika; efa voakapa ny aviavy fa hosolointsika sedera kosa izy.

11 Koa ny Tompo no hanangana ny fahavalon-^adRezina hano-hitra azy ary hampiray hina ny fahavalony Izy;

12 Ny Syriana eo anoloana ary ny Filistina aty aoriana; ary ^ahitelina an' i Isiraely amin' ny vavany mitanatana ireo. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny ^bfahatezerany fa mbola mihinjitra ny tanany.

13 Satria ny olona tsy ^amitodi-

ka amin' izay mamely azy sady tsy mitady ny Tompon' ny Maro.

14 Noho izany dia hotapahin' ny Tompo hiala amin' i Isiraely ao anatin' ny indray andro ny loha sy ny rambo, ny sampan-drofia sy ny zozoro.

15 Ny zokiolona, izy no loha; ary ny mpaminany izay mampianatra lainga, izy no rambo.

16 Fa ny mpitondra ity vahoaka ity no mampaniasia azy; ary ireo izay tarihiny dia fongana.

17 Koa tsy hanam-pifaliana amin' ny zatovolahiny ny Tompo sady tsy hanana ^afamindram-po amin' ny kambotiny sy ny mpitondratenany; satria izy rehetra dia samy mpihatsaravelatsihy sy mpanao ratsy, ary ny vava tsirairay dia miteny ^bhadalana. Na dia eo aza izany rehetra izany, dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbola mihinjitra ny ^atanany.

18 Fa mirehitra toy ny afo ny faharatsiana; handevona ny hery sy ny tsilo izany sady hampiredaka ny ala mikirindro ka hitambolina hiakatra ireo toy ny fiakaran' ny setroka.

19 Noho ny fahaviniran' ny Tompon' ny Maro dia nihamaina ny tany ary haroso ny afo toy ny kitay ny olona; ^atsy hisy hitsitsy ny rahalahiny.

20 Handroba amin' ny tanany havanana izy fa ho noana ihany;

6d Tito. 2:13-14.

e Almà 11:38-39, 44.

f Jao. 14:27.

7a TSM Fitondrampanjakana.

b Dan. 2:44.

8a IE Ny hafatra faminania

manaraka (andininy 8-21) dia fampitandremana ho an' ny foko tavaratra folo, antsoina hoe Isiraely.

11a 2 Mpan. 16:5-9.

12a 2 Mpan. 17:6, 18.

b Isa. 5:25; 10:4.

13a Amo. 4:6-12.

17a TSM Famindram-po.

b 2 Ne. 9:28-29.

d Jakôba 5:47; 6:4.

19a Mika 7:2-6.

ary “hihinana amin’ ny tanany havia fa tsy ho voky; samy hihinana ny nofon-tsandriny avy ny tsirairay —

21 I “Manase hamely an’ i ^bEfraima, ary i Efraima hamely an’ i Manase; hiara-hamely an’ i “Joda izy roa tonta. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbola mihinjitra ny tanany.

TOKO 20

Ny fandravana an’ i Asyria dia tandindon’ ny famongorana ny olon-dratsy amin’ ny Fiaviany Fanindroany—Olom-bitsy no ho tavela aorian’ ny Fiavian’ ny Tompo indray—Hiverina ny sisa tavela amin’ i Jakoba amin’ izany andro izany—Ampitahao amin’ i Isaia 10. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

LOZAN’ izay mamoka laàna tsy marina sy izay manoratra fampahoriana izay efa nampanoratin’;

2 Mba hampiala ny mahantra amin’ ny “fitsarana sy hanala ny zony amin’ ireo malahelo amin’ ny oloko ka hahatonga ny ^bmpitondratena ho rembiny sy hahazoany mandroba ny kamboty!

3 Ary inona no hataonareo amin’ ny andron’ ny “famaliana sy amin’ ny fandravana izay ho tonga avy lavitra? Any amin’ iza no handosiranareo hila vonjy?

Ary aiza no hametrahana-reo ny voninahitrareo?

4 Tsy eo Aho ka hiankohoka ambanin’ ny mpifatotra izy sy ho faty ambanin’ ny voavono. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbola mihinjitra ny tanany.

5 Ry Asyriana, tsorakazon’ ny fahatezerako, ary ny tehina eny an-tanany dia ny “fahavinirany.

6 Haniraka azy Aho “hamely firenena mpihatsaravelatsihy, ka amin’ ny olona mahatezitra Ahy izy no homeko baiko haka ny babo sy haka ny remby ary hanosihosy azy toy ny fotaka eny amin’ ny lalana.

7 Kanefa tsy mikasa hanao izany izy sady tsy mieritreritra izany ny fony; fa ny handrava sy hamongotra firenena tsy vitsy no ao am-pony.

8 Fa hoy izy: Moa tsy mpanjaka avokoa va ireny printsiko ireny?

9 Tsy tahaka an’ i Karkemisys va i Kalno? Tsy tahaka an’ i Arpada va i Hamata? Tsy tahaka an’ i Damaskosy va i Samaria?

10 Tahaka ny efa nanorenan’ ny “tanako ny fanjakan’ ny sampy ary ny sarin-javatra voasokitra, ny azy dia nanoatra noho ny an’ i Jerosalema sy ny an’ i Samaria;

11 Tsy toy ny efa nataoko tamin’ i Samaria sy ny sampiny va no hataoko koa amin’ i Jerosalema sy ny sampiny?

12 Noho izany ny zavatra hitranga, rehefa nahatontosa ny

20a Deot. 28:53–57.

21a TSM Manase.

b TSM Efraima.

d TSM Joda.

20 2a NA Fahamarinana.

b TSM Mpitondratena.

3a IE sazy.

5a Isa. 10:5.

6a IE manohitra an’ i

Isiraely.

10a IE ny tanan’ ny mpanjaka Asyriana (andininy 10–11).

asany rehetra tamin' ny Tendrombohitry i Ziona sy tamin' i Jerosalema ny Tompo, dia ho-faiziko ny "vokatry ny fiavonavonan' ny fon' ny mpanjakan' i ^bAsyria sy ny reharehan' ny fjeriny miandranandrana.

13 Fa hoy "izy: Tamin' ny herin' ny tanako sy tamin' ny fahendrekao no efa nanaovako ireo zavatra ireo; fa malina aho; ary namindra ny sisintanin' ny olona aho sy namabo ny haren' ary nandresy ny mponina toy ny lehilahy mahery;

14 Ary tahaka ny fihazana aka-nim-borona no fihazana' ny tanako ny haren' ny olona; ary tahaka ny famoriana atody izay nilaozana no namoriako ny tany manontolo; ary tsy nisy nikopaka elatra na nisoka-bava na nisiatsiaka.

15 "Hirehareha amin' izay mika-pa aminy va ny ^bfamaky? Hanindrahindra ny tenany amin' izay manatsofa aminy va ny tsofa? Tahaka ny hanetsehan' ny tsora-kazo ny tenany amin' izay manainga azy, na tahaka ny hanaingan' ny tehana ny tenany, miova tsy ny hazo!

16 Noho izany ny Tompo, ny Tompon' ny Maro dia handefa fahiazana any anivon'

ny olo-mataviny; ary ao ambanin' ny "voninahiny Izy no hamelona afo toy ny firehitry ny afo iray.

17 Ary ny fahazavan' i Isiraely hanjary afo, ary ny Iray Masiny no ho lelafo izay hirehitra ka handevona ny tsilo sy ny hery ao anatin' ny indray andro;

18 Ary h olevoniny ny reharen' ny alany sy ny sahany mahavokatra, na "fanahy na vatana; ary izy dia ho toy ny rehefa torana ny mpitondra faneva.

19 Ary ho vitsy ny hazo "tavela amin' ny alany ka ho azon' ny zaza soratana.

20 Ary ny zavatra hitranga amin' "izany andro izany dia ny Isiraely sisa tavela sy ny ierendoza amin' ny ^bmpianakavin' i Jakoba dia tsy "hiankina intsony amin' izay nikapoka azy fa hiankina kosa amin' ny Tompo, ny Iray Masin' ny Isiraely marina tokoa.

21 Ny "sisa tavela dia hiverina, eny, dia ny sisa tavela tamin' i Jakoba, ho amin' Andriamanitra Mahery.

22 Fa na dia tahaka ny fasiky ny ranomasina aza ny olonao ry Isiraely, dia izay sisa tavela aminy ihany no hiverina; ny "famongorana efa notinapaka

12a IE ny fireharehan' ny mpiavonavona.
b Zef. 2:13.
13a IE ny mpanjakan' ny Asyria (andiny 13–14).
15a Mametraka fanontaniana mitovy ny sarinteny rehetra ao amin' ity andiny ity: Moa va ny olona (i.e

ny mpanjaka Asyriana) afaka hiroborobo raha manohitra an' Andriamanitra?
b IE oharin' ny mpaminany amin' ny fitaovana ny mpanjaka.
16a IE ny mpanjakan' ny Asyria (andiny 17–19 ihany koa).

18a IE ho levona tanteraka i Asyria.
19a IE ny sisa tavela amin' ny tafik' i Asyria.
20a IE andro farany.
b Amo. 9:8–9.
d IE miantehitra amin' ny.
21a Isa. 11:11–12.
22a F&F 63:34.
TSM Izao Tontolo Izao—Faran' ny tany.

dia ^bhampitobaka ny fahamari-nana.

23 Fa ny Tompo Andriamanitry ny Maro dia “hanao ny famongorana, dia izay notinapaka tamin’ ny tany rehetra.

24 Noho izany, izao no lazain’ Andriamanitra, ny Tompon’ ny Maro: Ry oloko izay mitoetra ao Ziona, aza matahotra ny Asyriana; hikapoka anao amin’ ny tsora-kazo izy sy hanainga ny tehiny aminao araka ny “fanao tany Egipta.

25 Fa rehefa afaka kely foana, dia hitsahatra ny fahavinirana sy ny fahatezerako noho ny faharinganany.

26 Ary ny Tompon’ ny Maro hahatonga kotopia aminy taha-ka ny fandripahana ny “Midiana teo amin’ ny vatolampin’ i Oreba; ary toy ny tehiny teo ambonin’ ny ranomasina no hanaingany azy koa araka ny fanao tany Egipta.

27 Ary ny zavatra hitranga amin’ izany andro izany dia hoesorina hiala avy eo an-tso-rokao ny “enta-mavesany ary ny zioga ho afaka avy eo amin’ ny vozona ho hopotehina ny zioga noho ny ^bfanosorana.

28 Tonga ao Aiata “izy, mamekivaky an’ i Migrona izy; mame-traka ny entany ao Mikmasy izy.

29 Mihoatra ny hadilalana ireo; milasy ao Geba ireo; matahotra i

Ramata; mandositra i Gibeana’ i Saoly.

30 Asandrato ny feo, Ry zana-kavavin’ i Galima; ataovy izay haharenasana izany hatrany Laisy, Ry Anatota mahantra.

31 Mandositra i Madmena; miangona mba hiara-mandositra ny mponina ao Gebima.

32 Nefa mbola hijanona ao Noba izy amin’ izany andro izany; hanofahofa ny tanany amin’ ny tendrombohitry ny zanakavavin’ i Ziona izy, ny havoan’ i Jerosalema.

33 Indro, ny Tompo, ny Tompon’ ny Maro handratsana ny sampany amin’ ny fampihoro-horoana; ary hotapahiny fohy ireo izay “avo ny tsanganany; ary haetry ireo izay mianjonan-jona.

34 Dia hokapainy amin’ ny vy ny ala mikirindro, ary halavon’ ny mahery iray i Libanona.

TOKO 21

Hitsara araka ny rariny ny vatan’ i Jese (i Kristy)—Hahenika ny tany ny fahalalana an’ Andriamanitra amin’ ny Arivotaona—Hanangana faneva ny Tompo ka hanangona an’ i Isiraely—Ampitahao amin’ i Isaia 11. Tokony ho 559–545 talo-han’ i J.K.

ARY hisy “solofa hitsimoka amin’

22b ^{IE} Na dia tonga aza ny famaizana, dia mbola hisy ny famindram-po.

23a ^{IE} mahatonga ny lalana fandravana.

24a ^{IE} toy ny nataon’ ny Egiptiana fahiny.

Eks. 1:13–14.

26a Gen. 25:1–2; Mpits. 7:25.

27a Isa. 14:25.

^b TSM Ilay Voahosotra.

28a ^{IE} efa voasoritra mialoha ny fizotran’ ny tafika Asyriana

mankany Jerosalema; ary (andiny 33–34) voafaritry amin’ ny ambangovangony ny asan’ ny Tompo hanohitra azy ireo.

33a Hel. 4:12–13.

21 1a F&F 113:3–4.

ny ^bvatan' i ^dJese ary hisy sampana haniry amin' ny fakany.

2 Ary ny "Fanahin' ny Tompo hitoetra Aminy, dia ny fanahin' ny fahendrena sy ny fahazavantsaina, ny fanahin' ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana, ny fanahin' ny fahalalana sy ny fatahorana ny Tompo;

3 Ka hahatonga ny faharani-tan-tsainy ho mailaka amin' ny fahatahorana ny Tompo; dia tsy "hitsara araka ny hitan' ny masony Izy, na hitsara araka ny ren' ny sofiny.

4 Fa hitsara kosa ny mahantra araka ny "rariny Izy ary ^bhitsara ny ^dmalemy fanahin' ny tany araka ny hitsiny; ary Izy hamely ny tany amin' ny tsora-kazon' ny vavany ary amin' ny fofonain' ny molony no hamonoany ny olon-dratsy.

5 Ary fahamarinana no ho sikina "am-balahany ary fahatokiana no ho fehin-kibo am-balahany.

6 Ny amboadia koa hiara-mitoetra amin' ny zanak' ondry ary ny leôparda hiara-mandry amin' ny zanak' osy ary ny zanak' omby sy ny liona tanora ary ny omby mifahy miaraka; ary zazakely no hiroaka azy.

7 Ary ny ombivavy sy ny bera

hiara-komana; ny zanany hiara-mandry; ary ny liona hihina-mololo toy ny omby.

8 Ary ny zaza minono hilalao amin' ny lavaky ny "vipera ary ny zaza misara-nono hametraka ny tanany eo amin' ny ^blavaky ny menarana.

9 Sady "tsy handratra no tsy handrava eran' ny tendrombohitro masina rehetra ireo fa ho henika ny ^bfahalalana ny Tompo ny tany, tahaka ny rano mandrakotra ny ranomasina.

10 Ary amin' "izany andro izany dia hisy ^bfakan' i Jese iray izay hitsangana ho fanevan' ny vahoaka; ^dIzy no hotadiavin' ny "Jentilisa; ary ho feno voninahitra ny fitsaharany.

11 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia haninjitra ny tanany "fanindroany indray ny Tompo mba hanavotra ny sisa tavela amin' ny vahoakany izay avy any Asyria sy avy any Egypta, sy avy any Patrosa, sy avy any Kosy, ary avy any Elama sy avy any Sinara, ary avy any Hamata sy avy amin' ireo nosin-dranomasina.

12 Ary Izy hanangana "faneva iray ho an' ny firenena ka hanangona ny ^bvoasesi-tany tamin'

1b F&F 113:1-2.

d I Jese no rain' i Davida; voalaza eto ny tetiaran' ireo mpanjaka taranak' i Davida izay hahaterahan' i Jesoa. Mika 5:2; Heb. 7:14.

TSM Jese.

2a Isa. 61:1-3.

3a Jao. 7:24.

4a Sal. 72:2-4;

Môsià 29:12.

b HEB. manapa-kevitra.

d TSM Halemempahany.

5a NA kibo.

8a Bibilava kely misy poizina any Egypta.

b Bibilava hafa misy poizina.

9a Isa. 2:4.

TSM Arivotaona.

b F&F 101:32-33; 130:9.

10a IE ny andro farany.

JS—T 1:40.

b Roma. 15:12;

F&F 113:5-6.

d NA aminy.

e F&F 45:9-10.

11a 2 Ne. 6:14; 25:17; 29:1.

12a TSM Faneva.

b 3 Ne. 15:15; 16:1-4.

i Isiraely sy ^ahamory avy any amin' ny vazan-tany efatra ireo izay niely patrana tamin' i Joda.

13 Ho foana koa ny ^afialonan' i Efraima ary hofongorana ny fahavalon' i Joda; i Efraima tsy ^bhialona an' i ^aJoda, ary i Joda tsy hiantsy an' i Efraima.

14 Fa ^ahanidina kosa hankany andrefana eo ambony soroky ny Filistina ireo; hiara-mambabo ny avy any atsinanana ireo; haninjitra ny tanany amin' i Edoma sy i Moaba ireo; ary hanoa azy ny zanak' i Amona.

15 ^aHandritra tanteraka ny helodranomasin' i Egipta ny Tompo; ary amin' ny rivony mahery no hanetsiketsehany ny tanany eo ambonin' ny renirano sy hamelezany azy mba hisampanany fito ka hampandehanany ny olona tsy miala kapa.

16 Ary hisy ^alalana ho an' ny olony sisa izay ho tavela izay sisa avy any Asyria, toy ny nisian' izany ho an' i Isiraely tamin' ny andro niakarany avy tany amin' ny tany Egipta.

TOKO 22

Hidera ny Tompo ny olona rehetra amin' ny arivotaona — Honina eo anivony Izy — Ampitahao amin' i

Isaia 12. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY amin' izany andro izany dia hiteny ianao hoe: Tompo ô, hidera Anao aho; fa na dia tezi-tra tamiko aza ianao dia mitony ny fahatezeranao, ary mampionona ahy ianao.

2 Indro, Andriamanitra no famonjena ahy; dia ^ahatoky aho ka tsy hatahotra; satria ^bJEHOVAH Tompo no heriko sy hirako; efa tonga famonjena ahy koa Izy.

3 Koa amin' ny fifaliana no hantsakanao ^arano ao amin' ny loharanom-pamonjena.

4 Ary amin' izany andro izany dia hiteny ianareo hoe: ^aMidera ny Tompo, miantsoa ny anarany, lazao amin' ny olona ny asany, ampahafantaro fa efa nasandra-tra ny anarany.

5 ^aMihira ho an' ny Tompo fa efa nanao zavatra tsara dia tsara Izy; fantatry ny tany iray manontolo izany.

6 ^aMiantsoa mafy sy mihobia ianao ry mponina ao Ziona; fa lehibe eo afovoanao ny Iray Masin' ny Isiraely.

TOKO 23

Ny fandravana an' i Babylona dia

12d Neh. 1:9;
1 Ne. 22:10–12;
F&F 45:24–25.
tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

13a Jer. 3:18.
^b Araka ny tantara dia mpifahavalo ny foko notarihin' i Joda sy i Efraima

(taorian' ny zavanimitranga ao amin' ny 1 Mpan. 12:16–20).
Amin' ny andro farany dia hitsahatra izany fifandonana izany. Ezek. 37:16–22.
tsm Mialona.
^d tsm Joda.

14a IE manafika ny ilany andrefana izay faritry

ny Filistina.
15a Zak. 10:11.
16a Isa. 35:8; F&F 133:27.
22 2a Môsià 4:6; Hel. 12:1.
^b Eks. 15:2; Sal. 83:18.
tsm Jehovah.
3a tsm Rano Velona.
4a tsm Misaotra.
5a F&F 136:28.
6a Isa. 54:1; Zef. 3:14.

tandindon' ny famongorana amin' ny Fiaviany Fanindroany—Ho andron' ny fahatezerana sy ny valifaty izany—Hirodana mandrakizay i Babylona (izao tontolo izao)—Ampitahao amin' i Isaia 13. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NY “loza mitatao amin' i ^bBabylona araka ny nahitan' i Isaia zanakalahin' i Amoza azy.

2 Manangàna ianareo “faneva eo amin' ny tendrombohitra avo, manandrata feo aminy, ^bhofay tanana izy hidirany amin' ny vavahadin' andriana.

3 Izaho efa nandidy ireo “nohamasiniko, efa niantso koa ireo maheriko Aho, satria ny fahatezerako dia tsy mba amin' ireo izay miravoravo noho ny fahamboniako.

4 Ny horakoraky ny valalabemandry any an-tendrombohitra dia toy ny an' ny vahoaka be, dia horakoraka mirohondrohon' ireo “fanjakan' ny firenena miara-^btafavy; misafo ny miaramila hiady ny Tompon' ny Maro.

5 Avy any an-tany lavitra ireo, avy any am-paravodilanitra, eny, ny Tompo sy ny fiadian' ny fahatezerany mba handrava ny tany manontolo.

6 Midradradradrà ianareo fa efa antomotra ny andron' ny

Tompo; ho tonga toy ny fandravana avy any amin' ny Tsitoha izany.

7 Koa hivalaketraka ny tanana rehetra, ho kivy ny fon' ny olona tsirairay;

8 Ary hatahotra izy; ho azon' ny fanaintainana sy ny alahelo izy; samy ho talanjona izy ka hifampijery; ho toy ny lelafo ny tarehiny.

9 Indro, avy ny andron' ny Tompo, dia fahasiahana sy fahatezerana ary fahavinirana mahamay mba hampanjary ny tany ho aolo; dia “hamongotra ny mpanota eo aminy Izy.

10 Fa na ny kintan' ny lanitra na ny telonohorefy dia tsy hanome ny hazavany; ny “masoandro hohamaizinina amin' ny fiposahany, ary ny volana tsy hampamiratra ny hazavany.

11 Ary Izaho “hanafay izao tontolo izao noho ny faharatsiana ary ny olon-dratsy noho ny helony; Izaho hampitsahatra ny fianjonanjon' ny ^bmpiavonavona ary haetrika ny fanambonian-tenan' ny mpampitahotra.

12 Hataoko sarobidy noho ny volamena voadio ny “olona; ho saro-tadiavina noho ny volamena avy any Ofira izy.

13 Koa Izaho hanozongozona ny lanitra, ary “hoesorina amin'

23 1a IE hafatra manambara fanamelohana.
b Ny tantaran' ny fandravana an' i Babylona ratsy fanahy araka ny faminiana ao amin' i Isaia 13 sy 14, dia tandindon' ny fandravana farany

ny ratsy fanahy rahetra eo amin' izao tontolo izao.
F&F 133:5, 7, 14.
TSM Babela, Babylona.
2a NA Faneva.
TSM Faneva.
b IE manofahofa tanana, manome famantarana.
3a IE Olomasina.

4a Zak. 14:2–3.
b Zak. 12:3.
9a TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
10a TSM Izao Tontolo Izao—Faran' ny tany.
11a Mal. 4:1.
b F&F 64:24.
12a Isa. 4:1–4.
13a TSM Tany—Toetra faran' ny tany.

ny toerany ny tany noho ny fahatezeran' ny Tompon' ny Maro, ary amin' ny andron' ny fahatezerany mahamay izany.

14 Ary ho tahaka ny gazela hazaina izy sy ho tahaka ny ondry tsy misy mpanangona; dia samy hiverina any amin' ny vahoakany avy ny tsirairay ary samy handositra hankany amin' ny taniny avy ny olona tsirairay.

15 Izay rehetra miavonavona dia hotrobarana; eny, ary izay rehetra mikambana amin' ny olon-dratsy dia halavo amin-tsabatra.

16 Homontsamontsanina eo imasony ny zanany; hobaboina ny tranony ary hosavihina ny vadiny.

17 Indro, hamporisihiko hamely azy ny Mediana izay tsy miraika amin' ny volafotsy na volamena sady tsy finaritra amin' ireny.

18 Hanamontsana ny zatovolahiny koa ny tsipikany; ary tsy hamindrany fo izay naloaky ny kibony; tsy hiantran' ny maso-ny ny zaza.

19 Ary Babylona, ilay reharen' ny fanjakana, ilay "ravaky ny hatsarana ho an' ny Kaldeana, dia ho tahaka an' i ^bSodoma sy i Gomora izay noravan' Andriamanitra.

20 "Tsy honenana mandrakizay izy sady tsy hitoetra aminy ny taranaka fara mandimby: tsy hanangana lay ao ny Arabiana;

na hampandry ny ondriny ao ny mpiandry ondry.

21 Fa ny "bibidia any an' efitra kosa no hitoetra ao; ary ho feno biby manjonitra ny tranony; ka honina ao ny vorondolo, ary hifalihavanja ao ny ^bosidia.

22 Ary hinaonaona ao amin' ny "tranony aolo ireo bibidian' ny nosy ary ao an-dapany mahafinaritra ny ^bamboadia; ary antomotra ny hahatongavan' ny fotoany ka tsy hohalavaina ny androny. Fa Izaho handrava azy faingana tokoa; eny, hamindra fo amin' ny oloko Aho, fa hofongorana kosa ny olon-dratsy.

TOKO 24

Isiraely dia hangonina ary hankafy ny fitsaharan' ny arivotaona — Noroahina hiala tany an-danitra i Losifera noho ny fikomiany — Handresy an' i Babylona (izao tontolo izao) i Isiraely — Ampitahao amin' i Isaia 14. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Fa hamindra fo amin' i Jakoba ny Tompo ka "hifidy indray an' i Isiraely sy hampitoetra azy eo amin' ny taniny; dia hikambana aminy ny ^bvahiny ka hifikitra amin' ny mpianakavin' i Jakoba.

2 Ary haka azy ny "vahoaka sy hitondra azy any amin' ny toerany; eny, avy lavitra, avy any am-paran' ny tany; dia hody any amin' ny ^btany nampanantenai-

19a IE tsinontsinona.

^b Gen. 19:24–25;
Deot. 29:23;

2 Ne. 13:9.

20a Jer. 50:3, 39–40.

21a Isa. 34:14–15.

^b HEB. osilahy, na devoly.

22a HEB. lapa.

^b HEB. (angamba) fosa, na amboadia.

24 1a Zak. 1:17.

^b Isa. 60:3–5, 10.

2a IE Hisy firenena hafa hanampy an' i Isiraely.

^b TSM Tany Nampanantenaina.

na azy izy. Ary ny mpianakavin' i Isiraely hizaka izany ho fananany ary ho an' ny ^ampanompolahy sy ny mpanompovavy ny tanin' ny Tompo; ary izy hitondra ireny ho babo any amin' ireo izay nambabo azy; ary izy hanapaka ireo izay mpampahory azy.

3 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, dia hanome anao ^afitsaharana ny Tompo amin' ny alahelonao sy amin' ny tahotrao, ary amin' ny fanandevozana mafy izay nampanompoana anao.

4 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia hampiasa izao oha-pitenenana izao amin' ny mpanjakan' i ^aBabylona ianao ka hanao hoe: Endrey, nitsahatra ilay mpampahory, tsy ao intsony ilay tanàna volamena!

5 Efa notapatapahin' ny Tompo ny tehin' ny olon-dratsy sy ny tehim-piandrianan' ny mpitondra.

6 Izy ilay nikapoka ny vahoaka tamim-pahavinirana tamin' ny famelezana tsy an-kiato, Izy ilay nitondra ny firenena tamim-pahatezerana, dia enjehina ary tsy misy misakana.

7 Mandry fahalemana ny tany manontolo sady tony; ^avelonkira izy.

8 Eny, miravoravo noho ny aminao ny hazo kipreso ary koa ny sederan' i Libanona ka manao hoe: Hatramin' izay ^anandavoana anao izay, dia tsy misy ^bmpikapa miakatra atỳ aminay.

9 Miontana ny ^ahelo any ambany noho ny aminao ka hitsena anao amin' ny fiavianao; fohaziny ny ^bmaty noho ny aminao, dia ireo mpanapaka rehetra tamin' ny tany izany; atsangany eo amin' ny seza fiandrianany avokoa ny mpanjakan' ny firenena.

10 Samy hiteny izy rehetra ka hanao aminao hoe: Hay zary osa toa anay koa ianao? Efa tonga tahaka anay ianao?

11 Aidina any am-pasana ny reharehanao; tsy heno ny feombalihananao; ny kankana no ilafihanao ary ny kankana no mandrakotra anao.

12 ^aEndrey latsaka avy any an-danitra ianao Ry ^bLosifera, zanaky ny maraina! Kapaina hianjera amin' ny tany ianao izay nampahosa ireo firenena!

13 Fa ianao efa nanao anakampo hoe: ^aHiakatra any an-danitra aho ka hasandratro ho ambonin' ny kintan' Andriamanitra ny seza fiandrianako; hipetrahako koa eo ambonin' ny tendrombohitry ny

2d Isa. 60:14.

3a Jos. 1:13; F&F 84:24.

4a TSM Babela, Babylona.

7a Isa. 55:12.

8a IE ho faty.

^b HEB. tsy tonga hiady amintsika ireo mpikapa (hazo).

9a TSM Helo.

^b IE ireo fanahy tsy manana vatana.

12a F&F 76:26.

^b HEB. kintan' ny maraina, zanaky ny maraina, ny mpanapaka eo

amin' ny tontolon'

ny ratsy fanahy (Babylona) dia voalaza fa i Losifera, ilay mpanapaka ny faharatsiana.

TSM Devoly; Losifera.

13a Mos. 4:1–4.

fivoriana amin' ny lafiny ^bavaratra;

14 Hiakatra any ambonin' ny haavon' ny rahona aho; ho tahaka ny Avo Indrindra aho.

15 Kanjo hoentina midina hatrany amin' ny helo ianao, hatrany am-para-^avodilavaka.

16 Ireo Izay mahita anao, ^ahibanjina anao akaiky sy handinika anao ka hanao hoe: Moa io va ilay lehilahy izay nampihorohoro ny tany, izay nampihozongozona ny fanjakana?

17 Ka efa nahatonga ny tany toy ny foana sy nandrava ny tanànany sady tsy namoha ny tranon' ny mpifatony?

18 Ny mpanjaka rehetra amin' ny firenena, eny, izy rehetra dia mandry amin' ny voninahitra, samy any ^aan-tranony avy ny tsirairay.

19 Fa ianao kosa dia ariana any ivelan' ny fasanao toy ny ^asampana boboka, ary ny sisa tavela amin' ireo izay voavono, voatrobaky ny sabatra, izay mandeha midina hankao amin' ny ^bvato ao an-davaka; toy ny faty voahosihosin' ny tongotra.

20 Tsy hampiarahina amin' ireny ny fandevenana anao, satria efa nandrava ny taninao ianao sy nandripaka ny olonao;

tsy ho re laza mandrakizay ny ^ataranaky ny ^bmpanao ratsy.

21 Omano ny fandripahana ny zanany noho ny ^aheloky ny razany mba tsy hitsanganany na hizakany ny tany, na hame-noany izao tontolo izao amin' ny tanàna.

22 Fa Izaho no hitsangana hano hitra azy, hoy ny Tompon' ny Maro, ka hofongorako hiala amin' i Babylona ny ^aanarany sy ny sisa tavela mbamin' ny zanakalahy sy ny ^bzanakalahin' ny mpiray tampo, hoy ny Tompo.

23 Ary hataoko ^afonenan' ny vano izany sy fihandronan' ny rano; ary hofafako amin' ny ^bkifafan' ny fandranganana izany, hoy ny Tompon' ny Maro.

24 Ny Tompon' ny Maro efa nianiana, nanao hoe: Toy ny efa niheverako izany marina tokoa no hahatò izany; ary toy ny efa nikasako izany no hahatantetaka izany—

25 Fa hoentiko any amin' ny taniko ny ^aAsyriana mba hano-sihoseko azy amin' ny faladia eny an-^btendrombohitro; dia hiala amin' ireo ny ^aziogany amin' izany ary hiala avy eo antsorok' ireo ny enta-mavesany.

26 Izany no zava-kinendry izay nokendrena ho an' ny tany manontolo; ary ity no tanana

13b IE ny fonenan' ireo andriamanitra araky ny finoana Babyloniana. Sal. 48:2.

15a 1 Ne. 14:3.

16a HEB. mibanjina anao ary mandinika ny aminao.

18a IE ny fasan' ny fianakaviany.

19a IE sampana voahilika, nokapaina sy nariana.

b IE amin' ny farany ambany indrindra. 20a Sal. 21:10–11; 37:28.

b TSM Faharatsiana.

21a Eks. 20:5.

22a Ohab. 10:7.

b Joba 18:19.

23a Isa. 34:11–15.

b NA kifafa.

25a Niova ny amin' ny fanafihan' i Asyria sy ny faharavan' i Joda ny resaka, 701 talohan' i J.K.

(andininy 24–27).

2 Mpan. 19:32–37;

Isa. 37:33–38.

b IE ny tendrombohitra i Joda sy i Isiraely.

d Isa. 10:27.

izay ahinjitra eo ambonin' ny "firenena rehetra.

27 Fa ny Tompon' ny Maro no efa nikasa ka iza no hahafaoana? Ary ny tanany efa mihinjitra ka iza no hahalefitra izany?

28 Tamin' ny "taona nahafatesan' i 'Ahaza mpanjaka no nisan' izao loza mitatao izao.

29 Aza mifaly ianao ry Filistia iray manontolo, satria tapaka ny tsorakazon' ilay nikapoka anao; satria avy ao amin' ny fakan' ny bibilava no hivoahan' ny menarana, ary ny aterany ho tonga menaran' afo manidina.

30 Ary ny lahimatoan' ny ory hihinana ary ny faraidiny handry amim-pahatokiana; ary hataoko maty mosary kosa ny fakanao ka hamongotra ny sisa aminao izany.

31 Inaonaony, Ry vavahady; miantsoantsoa, Ry tanàna; levonina ianao ry Filistia iray manontolo; fa hisy setroka hitranga avy any avaratra ka tsy hisy hanirery amin' ny fotoana voatendry.

32 Inona no havalin' ny iraky ny firenena amin' izany? Izao: Ny Tompo efa nanorina an' i "Ziona, ary 'hatoky izany ny "mahantra amin' ny olony.

TOKO 25

Nirehareha ny amin' ny fanazavan-

tsaina i Nefia — Hazava ny faminanian' i Isaia amin' ny andro farany — Ny Jiosy dia hiverina avy any Babylona, hanombo ny Mesia sy haely patrana ary hampahoriana — Hampodiana izy rehefa mino ny Mesia — Ho tonga voalohany Izy, eninjato taona taorian' ny nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema — Nitandrina ny lalàn' i Mosesy ny Nefita sady nino an' i Kristy, dia ny Iray Masin' ny Isiraely. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, izaho Nefia dia somary miresaka momba ny teny izay efa nosoratako, izay efa notenenin' ny vavan' i Isaia. Fa indro, i Isaia dia nilaza zavatra maro izay "sarotra ho an' ny ankamaroan' ny oloko ny mahazo izany; noho izy tsy mahalala ny fomban' ny faminaniana teo amin' ny Jiosy.

2 Fa izaho Nefia dia tsy nampianatra azy zavatra maro momba ny fomban' ny Jiosy; satria ny "asany dia asan' ny maizina ary ny ataony dia naneho fahavetavetana.

3 Koa manoratra ho an' ny oloko aho, ho an' ireo rehetra izay handray ireto zavatra izay soratako ireto rahatrizay mba hahazoany mahalala ny fitsaran' Andriamanitra izay hihatra amin' ny firenena rehetra, araka ny teny izay efa nolazainy.

4 Koa mihainoa ry vahoakako

26a IE Amin' ny farany dia horavana toa izany ireo firenen' izao tontolo izao rehetra.

28a IE Tokony ho 720 talohan' i J.K., ity

zioga na hafatra fanamelohana ity dia faminaniana momba ny Filistina, ary i Joda harovana.

b 2 Mpan. 16:20.

32a TSM Ziona.

b NA mitady fialofana amin' izany.

d Zef. 3:12.

25 1a 2 Ne. 25:5–6.

2a 2 Mpan. 17:13–20.

izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely ary atongilano amin' ny teniko ny sofina; satria na dia tsy mazava aminareo aza ny tenin' i Isaia, dia mazava kosa izany amin' ireo rehetra izay heniky ny "fanahin' ny ^bfaminaniana. Fa omeko faminaniana iray ianareo araka ny fanahy izay ao anatiko; koa haminany aho araka ny ^dfahazavana izay efa nomba ahy hatry ny fotoana izay nandaozako an' i Jerosalema niaraka tamin-draiko; satria indro, finaritra ao amin' ny fanazavana ny sain' ny oloko ny fanahiko mba hahazoany mianatra.

5 Eny, finaritra amin' ny tenin' i "Isaia ny fanahiko fa nivoaka avy tany Jerosalema aho, ary ny masoko efa nahita ny zavatra ny ^bJiosy, ary fantatro fa ny Jiosy dia mahazo ny zavatra ny mpaminany, ary tsy misy olona hafa izay mahatakatra ny zavatra izay efa nolazaina ny Jiosy tahaka azy, raha tsy hoe efa nampianarina araka ny fombanjavatra teo amin' ny Jiosy izy.

6 Nefa indro izaho Nefia dia tsy nampianatra ny zanako araka ny fomban' ny Jiosy; nefa indro, izao tenako izao dia efa nonina tao Jerosalema, koa fantatro ny amin' ireo toerana manodidina; ary efa nasiako teny tamin' ny zanako ny momba ny fitsaran' Andriamanitra izay efa "nitranga teo anivon' ny Jiosy

araka izay rehetra efa nolazain' i Isaia ka tsy hanoratra izany aho.

7 Nefa indro tohiziko ny faminaniako araka ny "fahazavantsaiko; izay nahalalako fa tsy misy olona afaka mandiso hevitra; kanefa, amin' ny andro izay hahato ireny faminanian' Isaia ireny, dia hahafantatra marina tokoa ny olona rehefa ho tanteraka izy ireny amin' ny fotoany.

8 Koa "manan-danja ho an' ny zanak' olombelona izy ireny, ary izay mihevitra fa tsy izany, dia ho azy indrindra no hitenenako, ary ferako ho an' ny ^boloako ihany ny teniko; satria fantatro fa izy ireny dia hanan-danja lehibe ho azy amin' ny ^dandro farany; satria amin' izany andro izany no hahatakarany azy ireny; koa mba hahasoa azy no nanoratako azy ireny.

9 Ary toy ny efa "namongorana ny taranaka iray teo amin' ny Jiosy noho ny helony, no efa namongorana ihany koa ny taranaka fara mandimby noho ny helony ary tsy nisy na oviana na oviana nofongorana taminy raha tsy efa ^bnampilaza mialoha taminy ny mpaminan' ny Tompo.

10 Noho izany dia efa nolazaina azy ny amin' ny famongorana izay hihatra aminy avy hatrany, taorian' ny nandaozan-draiko an' i Jerosalema; kanefa nanamafy ny fony izy; ary araka ny

4a TSM Fanahy Masina.

b TSM Faminaniana.

d 2 Ne. 31:3; 33:5–6;
Jakôba 4:13.

5a 1 Ne. 19:23;

3 Ne. 23:1.

b TSM Jiosy.

6a 2 Ne. 6:8;

Hel. 8:20–21.

7a 2 Ne. 32:7;

Almà 13:23.

8a TSM Soratra Masina—

Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

b Enôsa 1:13–16;

Môm. 5:12–15;

F&F 3:16–20.

d TSM Andro Farany.

9a Jer. 39:4–10;

Mat. 23:37–38.

b Amo. 3:7; 1 Ne. 1:13.

faminaniako, dia efa “fongana izy afa-tsy ireo izay ^bnentina ho babo tany Babylona.

11 Ary ankehitriny, izany no lazaiko noho ny fanahy izay ato anatiko. Ary na dia nentina any aza anefa izy dia mbola hiverina indray mba hizaka ny tanin’ i Jerosalema; noho izany izy dia “hampodiana ho amin’ ny laoniny indray any amin’ ny tany lovany.

12 Nefa indro, ho tojo ady sy tabataban’ ady izy; ary raha avy ny andro izay hanehoan’ ny “Zanaka Lahitokan’ ny Ray, eny, dia ny Rain’ ny lanitra sy ny tany, ny tenany ao amin’ ny nofo aminy, dia indro hitsipaka Azy izy noho ny helony sy ny hamafin’ ny fony ary ny fihen-janan’ ny hatony.

13 Indro, “hohomboany Izy; ary rehefa avy nampandriana tao am-^bpasana nandritra ny “telo andro Izy, dia “hitsangana amin’ ny maty miaraka amin’ ny fanasitranana ao amin’ ny elany; ary ireo rehetra izay hino ny anarany no hovanjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra. Koa finaritra amin’ ny faminania na ny momba Azy ny fanahiko, satria efa ^fnahita ny androny aho, ary ny foko dia midera ny anarany masina.

14 Ary indro, ny zavatra hi-

tranga, rehefa avy nitsangana tamin’ ny maty ny “Mesia sy naneho ny tenany tamin’ ny olony, tamin’ ny rehetra izay nety nino ny anarany, dia indro, ^bhoravana indray i Jerosalema; ka lozan’ ireo izay miady amin’ Andriamanitra mbamin’ ny olon’ ny fian-gonany.

15 Koa “haely patrana any anivon’ ny firenena rehetra ny ^bJiosy; eny, ary horavana koa i “Babylona; noho izany dia haelin’ ny firenen-kafa ny Jiosy.

16 Ary rehefa avy naely patrana izy, ary ny Tompo Andriamanitra efa nikaravasy azy tamin’ ny alalan’ ny firenen-kafa nandritra ny taranaka maro, eny, na dia hatramin’ ny taranaka fara mandimby aza izany, mandra-paharesy lahatra azy ka “hinoany an’ i Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra sy ny sorompanavotana izay tsisy fetra ho an’ ny olombelona rehetra — ary rehefa ho avy izany andro izany, izay hinoany an’ i Kristy sy hiderany ny Ray amin’ ny anarany amin’ ny fo mahitsy sy ny tanana madio ary tsy hiandrandrany Mesia hafa intsony, amin’ izany fotoana izany dia ho tonga ny andro izay tsy maintsy ilaina ny hinoany ireo zavatra ireo.

17 Ary haninjitra ny tanany fanindroany indray ny Tompo

10a 1 Ne. 7:13;

2 Ne. 6:8;

Ömnia 1:15;

Hel. 8:20–21.

b 2 Mpan. 24:14;

Jer. 52:3–16.

11a Ezra 1:1–4;

Jer. 24:5–7.

12a TSM Lahitokana.

13a Lio. 23:33.

b Jao. 19:41–42;

1 Ne. 19:10.

d Lio. 24:6–7;

Môsià 3:10.

e TSM Fitsanganana amin’ ny Maty.

f 1 Ne. 11:13–34.

14a TSM Mesia.

b Lio. 21:24;

JS—M 1:1–18.

15a TSM Jiosy.

b Neh. 1:8–9;

2 Ne. 10:6.

d TSM Babela, Babylona.

16a 2 Ne. 10:6–9; 30:7;

Môm. 5:14.

“hampodiana amin’ ny laoniny ny olony ho afaka amin’ ny toetry ny fahaverezana sy ny fahalavoana. Noho izany Izy dia hanomboka hanao asa ^bmahagaga sy mahatalanjona eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

18 Noho izany Izy dia hampitondra ny “teniny any aminy, dia ny teny izay ^bhitsara azy amin’ ny andro farany, satria homena ireny izy hoenti-mandresy lahatra azy ny amin’ ny tena Mesia izay notsipahiny; sy ^dhandresendahatra azy fa tsy ilainy ny hian-drandrany intsony Mesia iray izay ho avy, satria tsy hisy ho avy intsony afa-tsy “Mesia sandoka izay hamitaka ny olona; satria tsy misy afa-tsy Mesia iray ihany no voalazan’ ny mpaminany, ary io no Ilay Mesia izay hotsipahan’ ny Jiosy.

19 Fa araka ny tenin’ ny mpaminany, dia ho avy ny “Mesia, ^beninjato taona taorian’ ny fotoana nandaozan-draiko an’ i Jerosalema; ary araka ny tenin’ ny mpaminany ary koa ny tenin’ ilay ^danjelin’ Andriamanitra, dia ho Jesoa Kristy no anarany, ilay Zanak’ Andriamanitra.

20 Ary ankehitriny ry rahalahiko, efa nilaza mazava tsara

taminareo aho mba tsy hahafahanareo mandiso hevitra. Ary raha velona koa ny Tompo Andriamanitra izay “nitondra ny Isiraely hiala ny tany Egypta sy nanome fahefana an’ i Mosesy ^bhanasitranany ny vahoaka rehefa avy nokaikerin’ ny ^dmenarana misy poizina ireo, raha atopin’ izy ireo ny masony any amin’ ilay menarana izay natsangany teo anoloany, ary nanome azy koa fahefana hikapoka ny ^evato-lampy ka dia niboiboika ny rano; eny, indro hoy aho aminareo, fa raha marina ireo zavatra ireo ary raha velona koa ny Tompo Andriamanitra, dia tsy misy ^fanarana hafa nomena ambanin’ ny lanitra hahafahana mamonjy ny olona afa-tsy ny anaran’ i Jesoa Kristy, izay efa noteneniko.

21 Koa noho izany antony izany no efa nampanantenain’ ny Tompo Andriamanitra ahy fa horaketina sy hotehirizina ireto zavatra izay “soratako ireto ka hatolotra ny solofoko sy ny taranaka fara mandimby mba ho tanteraka ny fampanantena-na natao tamin’ i Josefa, fa tsy ho ^bfongana na oviana na oviana ny

17a 2 Ne. 21:11–12; 29:1.
tsm Famerenana amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.
b Isa. 29:14;
2 Ne. 27:26;
3 Ne. 28:31–33.
18a 2 Ne. 29:11–12; 33:11, 14–15.
b tsm Fitsarana Farany, Ny.
d 2 Ne. 26:12–13.
e tsm Antikristy.

19a tsm Jesoa Kristy—
Faminaniana ny amin’ ny fahaterahana sy ny fahafatesan’ i Jesoa Kristy.
b 1 Ne. 10:4;
3 Ne. 1:1, 13.
d 2 Ne. 10:3.
20a Eks. 3:7–10;
1 Ne. 17:24, 31; 19:10.
b Jao. 3:14;
1 Ne. 17:41.

d Nom. 21:8–9;
Almà 33:19;
Hel. 8:14–15.
e Eks. 17:6; Nom. 20:11;
1 Ne. 17:29; 20:21.
f Hosea 13:4;
Asa 4:10–12;
Môsià 5:8; Mos. 6:52.
tsm Mpamonjy.
21a 2 Ne. 27:6–14.
b Amo. 5:15;
2 Ne. 3:16;
Almà 46:24–27.

taranany raha mbola mijoro koa ny tany.

22 Noho izany ireto zavatra ireto dia hatolotra ny taranaka fara mandimby raha mbola mijoro koa ny tany; ary handeha ireto araka ny sitrapo sy ny safidin' Andriamanitra, ka ny fi-renena izay hanana ireto dia "hotsarainy araka ny teny izay voasoratra.

23 Fa miasa araka ny zotom-po isika hanoratra mba "handresy lahatra ny zanatsika ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an' i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra; satria fantatsika fa noho ny ^bfahasoavany no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika ^aatao.

24 Ary na dia mino an' i Kristy aza isika dia "mitandrina ny lalàn' i Mosesy sady miandrindra an' i Kristy amin' ny fiorenana mafy, mandra-pahatanteraky ny lalàna.

25 Fa izany no antony nanomezana ny "lalàna; koa ny lalàna dia tonga ^bmaty amintsika, ary velomina ao amin' i Kristy isika noho ny finoantsika; kanefa dia mitandrina ny lalàna isika noho ny didy.

26 Ary "miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mity an' i Kristy, ^bmaminany ny amin' i Kristy, ary manoratra

araka ny faminaniansika mba hahafantaran' ny "zanatsika ny loharano azony andrandraina ho "famelana ny fahotany.

27 Koa miresaka ny amin' ny lalàna isika mba hahalalan' ny zanatsika ny fahafatesan' ny lalàna; ary ny fahalalany ny fahafatesan' ny lalàna no hahazoany miandrindra ny fiainana izay ao amin' i Kristy sy mahafantatra ny zava-kinendry tamin' ny nanomezana ny lalàna. Ary rehefa tanteraka ao amin' i Kristy ny lalàna, dia tsy ilaina ny hanamafisany ny fony Aminy rehefa tsy maintsy hofanana ny lalàna.

28 Ary ankehitriny indro rey olona, ianareo dia olona "mafy hatoka; izany no efa niresahako mazava tsara taminareo mba tsy hahafahanareo mandiso hevitra. Ary ny teny efa nolazaiko dia hijoro ho toy ny ^bvavolombelona hanohitra anareo; satria ireny dia ampy "hampianatra ny tsirairay ny lala-mahitsy; satria ny lalamahitsy dia ny mino an' i Kristy fa tsy ny mandà Azy; fa amin' ny fandavanareo Azy, dia mandà ihany koa ny mpaminany sy ny lalàna ianareo.

29 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo fa ny mino an' i Kristy no lala-mahitsy fa tsy ny mandà Azy; ary i Kristy no Iray Masin' ny Isiraely; koa ianareo dia tsy maintsy miankohoka eo

22a 2 Ne. 29:11; 33:10–15;
3 Ne. 27:23–27.

23a TSM Zanaka.
^b Roma. 3:23–24;
2 Ne. 2:4–10;
Môsîà 13:32;
Almà 42:12–16;
F&F 138:4.

TSM Fahasoavana.
^d Jakôba 2:14–26.
TSM Asa.

24a Jakôba 4:4–5.
25a TSM Lalàn' i Mosesy.
^b Roma. 7:4–6.
26a Jakôba 4:12; Jarôma
1:11; Môsîà 3:13.

^b Lio. 10:23–24.

^d TSM Zanaka.
^e TSM Famelana ny
Fahotana.
28a Môsîà 3:14.
^b TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.
^d 2 Ne. 33:10.

anoloany sy mitsaoka Azy amin' ny "hery, ny saina ny tanjaka, ary ny fanahinareo rehetra; ary raha manao izany ianareo dia tsy holavina velively.

30 Ary raha tany ka mbola ilaina izany, dia tsy maintsy mitandrina ny fomba sy ny "ôrdônansin' Andriamanitra ianareo mandra-pahatanteraky ny lalàna izay nomena an' i Mosesy.

TOKO 26

Hampianatra ny Nefita i Kristy— Nahita ny famongorana ny olony i Nefia—Hiteny avy amin' ny vovoka ireo—Hanorina fiangonana sandoka sy firaisana tsikombakomba miafina ny Jentilisa—Ny Tompo dia nandrara ny olona tsy hampiasa ny komiberaky ny mpisorona. Toko-ny ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY rehefa avy "nitsangana tamin' ny maty i Kristy dia ^bhaneho ny tenany aminareo ry zanako sy rahalahiko malala; ka ny teny holazainy aminareo no ho "lalàna harahinareo.

2 Fa indro lazaiko aminareo fa efa tsinjoko fa taranaka maro no hifandimby, ary dia hisy ady lehibe sy fifandirana eo anivon' ny oloko.

3 Ary rehefa tonga ny Mesia, dia hisy "famantarana homena ny oloko ny amin' ny ^bfahaterahany ary koa ny fahafatesany

sy ny fitsanganany amin' ny maty; ary ho lehibe sy mahatohotra izany andro izany ho an' ny ratsy fanahy, satria ho faty izy; ary ho faty izy, satria mandroaka ny mpaminany sy ny olomasina ka mitora-bato sy mamono ireny; noho izany, dia hiakatra avy amin' ny tany ka hankany amin' Andriamanitra ny antson' ny "ran' ireo olomasina hiampanga azy.

4 Noho izany, ny mpiavonavona rehetra sy ny mpanao ratsy, dia ny andro izay ho avy no "handoro azy, hoy ny Tompon' ny Maro, fa ho toy ny vodivary izy.

5 Ary ireo izay mamono ny mpaminany sy ny olomasina, dia ny halalin' ny tany no "hite-lina azy, hoy ny Tompon' ny Maro; ary ny ^btendrombohitra no handrakotra azy, hindaosin' ny tadio izy ary hianjera aminy ny trano ka hanamontsamontsana sy hanorotoro azy ho vovoka.

6 Ary hovangiana amin' ny varatra sy ny tselatra ary ny horohoron-tany sy amin' ny fomba fandringanana rehetra izy, satria hirehitra aminy ny afon' ny fahatezeran' ny Tompo ary dia ho toy ny vodivary izy, ary ny andro izay ho avy no handevona azy hoy ny Tompon' ny Maro.

7 Izany fanaintainana sy fan-girifirian' ny fanahiko iky noho

29a Deot. 6:5;
Mar. 12:29–31.
30a TSM Ôrdônansy.
26 1a 3 Ne. 11:1–12.
b 1 Ne. 11:7; 12:6.
d 3 Ne. 15:2–10.
3a 1 Ne. 12:4–6.

TSM Famantarana.
b TSM Jesoa Kristy—
Faminiana ny
amin' ny
fahaterahana sy ny
fahafatesan' i Jesoa
Kristy.

d Gen. 4:10;
2 Ne. 28:10;
Môrm. 8:27.
4a 3 Ne. 8:14–24; 9:3, 9.
5a 1 Ne. 19:11;
3 Ne. 10:14.
b 3 Ne. 8:10; 9:5–8.

ny famoizana ny voavono tamin' ny oloko! Satria izaho Nefia dia efa nahita izany ka efa saika nandevona ahy izany manoloana ny fiatrehana ny Tompo; kanefa dia tsy maintsy miantso an' Andriamanitra aho hoe: "Mahitsy ny lalanao.

8 Nefa indro, ny marina izay mihaino ny tenin' ny mpaminany, ka tsy mandringana azy fa miandrindra amin' ny fiorenana kosa ao amin' i Kristy ny famantarana izay omena, na dia eo aza ny "fanenjehana rehetra — dia indro ireo no ireo izay ^btsy ho faty.

9 Fa "hiseho amin' ireo kosa ny Zanak' ny Fahamarinana; ary ^bhositrany ireo sy hanana "fiadanana miaraka Aminy, mandra-pahalasana ny "taranaka telo mifanesy, ary maro amin' ny ^ftaranaka fahefatra no ho lasana ao anatin' ny fahamarinana.

10 Ary rehefa lasa ireo zavatra ireo, dia avy faingana amin' ny oloko ny "famongorana; fa na dia teo aza ny fanaintainan' ny fanahiko dia efa nahita izany aho; koa fantatro fa hitranga izany; ary mivarotra ny tenany amin' ny tsinontsinona izy; satria ho tambin' ny fiavonavonany sy ny fahadalany dia hioty famongorana izy; satria manai-ky ny devoly izy sy mifidy ny asan' ny maizina toy izay ny

mazava, dia tsy maintsy midina any amin' ny ^bhelo izy.

11 Fa ny Fanahin' ny Tompo dia tsy "hitaona ny olona mandrakariva. Ary rehefa mitsahatra ny fiarahan' ny Fanahy miady amin' ny olona, dia avy faingana ny famongorana, ary izany dia mampahory ny fanahiko.

12 Ary tahaka ny nilazako ny momba ny "handresen-dahatra ny ^bJiosy, fa i Jesoa no "tena Kristy dia tsy maintsy ilaina koa ny handresen-dahatra ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy, Ilay Andriamanitra Mandrakizay;

13 Izay maneho ny tenany amin' izay rehetra mino Azy, noho ny herin' ny "Fanahy Masina; eny, amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina tsirairay, amin' ny fanaovany fahagagana lehibe sy famantarana ary zava-mahatalanjona eo anivon' ny zanak' olombelona araka ny finoany avy.

14 Nefa indro, maminany aminareo ny amin' ny "andro farany aho; ny amin' ny andro izay ^bhanehoan' ny Tompo Andriamanitra ireo zavatra ireo amin' ny zanak' olombelona.

15 Rehefa avy nihemotra tao amin' ny tsy finoana ny taranako sy ny taranaky ny rahalahiko, ary efa nafaizin' ny Jentilisa; eny, rehefa avy nitoetra nanodidina

7a TSM Fahamarinana.

8a TSM Fanenjehana.

b 3 Ne. 10:12-13.

9a 3 Ne. 11:8-15.

b 3 Ne. 17:7-9.

d 4 Ne. 1:1-4.

e 1 Ne. 12:11-12;

3 Ne. 27:30-32.

f Almà 45:10-12;

Hel. 13:9-10.

10a Almà 45:9-14;

Môrm. 8:1-9.

b TSM Helo.

11a Etera 2:15.

12a 2 Ne. 25:18.

b 2 Ne. 30:7;

Môrm. 5:14.

TSM Jiosy.

d Môrm. 3:21.

13a TSM Fanahy Masina.

14a TSM Andro Farany.

b TSM Famerenana

amin' ny Laoniny

ny Filazantsara.

azy ny Tompo Andriamanitra sady nanao fahirano azy tamin' ny havoana iray ary nanangana toerana mimanda iray hanoherana azy; ary rehefa avy naetry hiosim-bovoka izy, ka tsy misy miangana intsony, dia mbola hosoratana ny tenin' ny marina sy hohenoana ny vavaky ny mahatoky ka tsy hohadinoina ireo rehetra izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana.

16 Fa ireo izay hofongorana dia "hiteny aminy avy ao amin' ny tany, ary ny lahateniny dia hibitsika avy ao amin' ny vovoka ary ny feony dia ho toy ny an' ny olona izay tsindrian' ny fanahy; fa ny Tompo Andriamanitra hanome azy fahefana hahafahany mibitsibitsika ny momba azy, na dia ho toy ny nivoaka avy tamin' ny tany aza izany; ary ny lahateniny dia hibitsibitsika avy ao amin' ny vovoka.

17 Fa izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: "Hanoratra ny zavatra izay hovitaina eo anivony izy ary hosoratana ireny ka hofehezina ao anaty boky iray, ary tsy hahazo ireny ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana, satria ^bmikatsaka ny handrava ny zavatr' Andriamanitra izy.

18 Noho izany, satria ireo izay efa nofongorana, dia efa nofongorana faingana tokoa; ary ny sarambaben' ny olony lozabe

dia ho tahaka ny "akofa izay mielina—eny, dia izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Hitranga ao amin' ny indray mipimaso izany, tampoka—

19 Ary ny zavatra hitranga dia "hokapohin' ny tanan' ny Jentilisa ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana.

20 Ary asandratra ao amin' ny "fiavonavonan' ny masony ny Jentilisa ka efa ^btafintohina noho ny fahalehibeazan' ny ^vvato fahatafintohinany, ka dia nanorina "fiangonana maro izy; kanefa dia nambaniany ny hery sy ny fahagagan' Andriamanitra, ary dia nitory tamin' ny tenany ny fahendreny ihany sy ny ^ffahai-zany ihany izy mba hahazoany harena sy ^hhanosihoseny ny tavan' ny mahantra.

21 Ary nisy maro ny fiangonana miorina izay miteraka "fialonana sy fifandirana ary fietraketrana.

22 Ary misy koa ny "tsikombakomba mifafina, toy ny tamin' ny andro fahiny, araka ny tsikombakomban' ny devoly, satria izy no fototry ireo zavatra rehetra ireo; eny, izy no fototry ny vonoan' olona sy ny asan' ny miazina; eny, taritiny eo amin' ny vozony amin' ny tadin-drongony malefaka ireo mandra-pamatorany azy ireo mandrakizay amin' ny tady mahazaka.

23 Fa indro lazaiko aminareo,

16a Isa. 29:4; Môrô. 10:27;

Mos. 7:62.

tsm Bokin' i

Môrmôna.

17a 2 Ne. 29:12.

b Enôsa 1:14.

18a Môrm. 5:16–18.

19a 3 Ne. 16:8–9; 20:27–28.

20a tsm Fiavonavonana.

b 1 Ne. 13:29, 34.

tsm Apôstazia.

d Ezek. 14:4.

e 1 Ne. 14:10; 22:23;

Môrm. 8:28.

f Môrm. 9:7–8;

2 Ne. 9:28.

g Isa. 3:15;

2 Ne. 13:15.

21a tsm Mialona.

22a tsm Tsikombakomba

Miafina.

ry rahalahiko malala, fa tsy miasa ao amin' ny maizina ny Tompo Andriamanitra.

24 Izy dia tsy manao na inona na inona afa-tsy izay ho tombontsoan' izao tontolo izao; satria "tia izao tontolo izao Izy ka nomeny na dia ny ainy aza mba hisarihany ny ^bolona rehetra hanatona Azy. Noho izany Izy dia tsy mandidy na iza na iza tsy handray anjara amin' ny famonjeny.

25 Indro, moa misy antsoiny va ka ataony hoe: Mialà Amiko? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; fa hoy kosa Izy: "Avia atỳ Amiko ianareo rehetra faran' ny tany, ^bmividia ronono sy tantely, nefa tsy amim-bola na amin-karena.

26 Indro, moa misy efa nodidiany va ny handaozany ny sinagoga na ny hialany amin' ny trano fivavahana? Indro lazaiko aminareo, Tsia.

27 Moa misy efa nodidiany va ny tsy handraisany anjara amin' ny "famonjeny? Indro lazaiko aminareo, Tsia; fa efa ^bnomeny maimaim-poana ny olon-drehetra kosa izany; sady efa nandidy ny vahoakany Izy ny handreseny lahatra ny olon-drehetra ho amin' ny "fibe bahana.

28 Indro, moa misy efa nodidian' ny Tompo va ny tsy handraisany anjara amin' ny hatsaram-pony? Indro lazaiko

aminareo, Tsia; fa manan-jo hitovy ny "olon-drehetra, ka tsy misy voarara amin' izany.

29 Mandidy Izy ny tsy hisian' ny "komiberaky ny mpisorona; fa indro, ny komiberaky ny mpisorona dia ny olona izay mitory sy mametraka ny tenany ho fahazavan' izao tontolo izao mba hahazoany harena sy ^blaza avy amin' izao tontolo izao; nefa tsy mikatsaka ny fiadanana ho an' i Ziona izy.

30 Indro, efa nandrara izany zavatra izany ny Tompo; koa efa nanome didy ny Tompo Andriamanitra fa ny olon-drehetra dia tokony hanana "fiantrana, dia fiantrana izay ^bfitiavana. Ary raha tsy manana fiantrana izy dia ho tsinontsinona. Koa raha manana fiantrana izy dia tsy hamela ny mpiasa any Ziona ho faty.

31 Fa hiasa ho an' i "Ziona ny mpiasa any Ziona; fa ho faty kosa izy raha miasa hahazoam-^bbola.

32 Ary efa "nandidy ny olona ihany koa ny Tompo Andriamanitra tsy hamonoany olona; tsy handaingany; tsy hangalarany; tsy ^bhanononany foana ny anaran' ny Tompo Andriamaniny; tsy hialonany; tsy hananany fo lentika; tsy hifandirany; tsy hjangajangany; ary ny tsy hanaovany na inona na inona amin'

24a Jao. 3:16.

^b 3 Ne. 27:14–15.

25a Almà 5:33–35;

3 Ne. 9:13–14.

^b Isa. 55:1–2.

27a TSM Famonjena.

^b Ef. 2:8;

2 Ne. 25:23.

^d TSM Fibe bahana.

28a Roma. 2:11;

1 Ne. 17:33–35.

29a TSM Komiberaky ny Mpisorona.

^b F&F 121:34–37.

30a Môrô. 7:47–48.

TSM Fiantrana.

^b TSM Fitiavana.

31a TSM Ziona.

^b Jakôba 2:17–19;

F&F 11:7; 38:39.

32a TSM Didin'

Andriamanitra.

^b TSM Faniratsirana.

ireo zavatra ireo; fa na zovy na zovy no manao ireo dia ho faty izy.

33 Fa samy tsy misy avy amin' ny Tompo ireo heloka ireo; satria manao izay tsara eo anivon' ny zanak' olombelona Izy; ary tsy manao na inona na inona afa-tsy izay mazava amin' ny zanak' olombelona Izy; ary manaina ny rehetra Izy hanatona Azy sy hanana anjara amin' ny hatsaram-pony; ary "tsy mandà izay manatona Azy Izy; na mainty na fotsy, na andevo na olon' afaka; na lahy na vavy; ary mahatsiaro ny ^bhafa firenena Izy; ary ho an' Andriamanitra dia mitovy ny ^drehetra na Jiosy na Jentilisa.

TOKO 27

Hanenika ny tany ny fahamaizina-na sy ny apôstazia amin' ny andro farany—Hivoaka ny Bokin' i Môrmôna—Ny vavolombelona telo no hanambara ny boky—Hilaza ny olo-mahay fa tsy afaka mamaky ny boky voafehin' ny tombo-kase izy—Hanao asa iray mahatalanjona sy mahagaga ny Tompo—Ampitahao amin' Isaia 29. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NEFA amin' ny ^aandro farany, na amin' ny andron' ny Jentilisa — eny, indro ny firenena Jentilisa rehetra ary koa ny Jiosy, na ireo izay ho tonga eo amin' ity tany ity, na ireo izay ho any amin' ny tany hafa, eny, any amin' ny

firenena rehetra amin' ity tany ity, indro ho mamon' ny heloka sy ny fomban' ny fahavetavetana rehetra ireo —

2 Ary rehefa ho tonga izany andro izany, dia hovangian' ny Tompon' ny Maro ireo amin' ny kotrokorana sy amin' ny horohoron-tany ary amin' ny ro-hondrohona lehibe sy amin' ny oram-baratra, ary amin' ny tafio-drivotra sy amin' ny "lelafo mandevona.

3 Ary ny "firenena rehetra izay ^bmiady amin' i Ziona sy mamoritra azy dia ho tahaka ny nofin' ny fahitana amin' ny alina; eny, ny hanjo azy ireo amin' izany dia ho tahaka ny olona noana izay manonofy, ary indro mihi-nana izy, kanjo nony taitra, dia noana ny fanahiny; na tahaka ny olona mangetaheta izay manonofy, ary indro misotro izy, kanjo nony taitra, dia indro rera-ka izy ary mangetaheta ny fanahiny; eny, ho tahaka izany ny sarambaben' ny firenena rehetra izay miady amin' ny Tendrom-bohitr' i Ziona.

4 Fa indro, ianareo rehetra mpanao meloka, mijanona ianareo ary mitalanjona, satria hikiakiaka ianareo sady hiantsoantso; eny, ho mamo ianareo nefa tsy amin' ny divay, hivembena ianareo nefa tsy noho ny zava-pisotro mahamamo.

5 Fa indro efa naidin' ny Tompo teo aminareo ny fanahy mahasondrian-tory lalina. Fa indro efa nakimpinareo ny masonareo

33a Asa 10:9–35, 44–45.

b Almà 26:37.

d Roma. 2:11;

1 Ne. 17:35.

27 1a TSM Andro Farany.

2a Isa. 24:6; 66:15–16;

Jakôba 6:3; 3 Ne. 25:1.

3a Isa. 29:7–8.

b 1 Ne. 22:14.

ary efa notsipahinareo ny mpaninany; ary ny mpanapaka teo aminareo sy ny mpahita efa nosaronany noho ny helokareo.

6 Ary ny zavatra hitranga dia havoakan' ny Tompo Andriamanitra eo "aminareo ny tenin' ny ^bboky iray, ary izany no ho tenin' ireo izay efa matory.

7 Ary indro hasiana "tombo-kase ny boky; ary hisy ^bfanambarana avy any amin' Andriamanitra ao anatin' ny boky hatry ny fiandohan' izao tontolo izao ka hatramin' ny ^dfiafarany.

8 Koa, noho ny zavatra izay efa "vita tombo-kase, ny zavatra izay efa vita tombo-kase dia ^btsy hatolotra amin' ny andron' ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny olona. Koa hafenina aminy ny boky.

9 Fa hatolotra ny "olona iray ny boky, ka izy no hanolotra ny tenin' ilay boky, dia ny tenin' ireo izay efa matory ao amin' ny vovoka, ary izy hanolotra ireo teny ireo ^bolon-kafa iray;

10 Fa tsy hanolotra kosa ny teny izay efa voaisy tombo-kase izy sady tsy hanolotra ny boky. Fa ilay boky dia hasian' ny herin' Andriamanitra tombo-kase ary ireo fanambarana izay voaisy tombo-kase dia hotehirizina ao anatin' ilay boky mandra-pahatongan' ny fotoana efa nofinidin' ny Tompo, izay hahazoana

mamoaka azy; fa indro, manambara ny zavatra rehetra ireo hatry ny fanorenana izao tontolo izao ka hatramin' ny fiafarany.

11 Ary avy ny andro izay hamakiana ny tenin' ilay boky izay efa voaisy tombo-kase eny ambony tafon-trano; ary hovakiana amin' ny herin' i Kristy izany; ary "hambara amin' ny zanak' olombelona ny zavatra rehetra izay efa nisy teo anivon' ny zanak' olombelona sy mbola hisy ambara-pahatongan' ny faran' izao tontolo izao.

12 Koa amin' izany andro izany, rehefa hatolotra ny olona iray izay efa noteneniko ilay boky, dia hafenina ny mason' izao tontolo izao ilay boky mba tsy hisy maso hahita azy afa-tsy ny "vavolombelona ^btelo izay hibanjina azy kosa noho ny herin' Andriamanitra, ankoatran' ilay olona izay efa hanolorana ilay boky; ka dia hanambara ny fahamarinan' ilay boky sy ny zavatra ao anatin' izy ireo.

13 Ary tsy hisy olon-kafa izay hahita azy afa-tsy vitsivitsy araka ny sitrapon' Andriamanitra ka ho vavolombelona hanambara ny teniny amin' ny zanak' olombelona; satria ny Tompo Andriamanitra no efa nilaza fa ny tenin' ny mahatoky dia hiteny tahaka ny "avy amin' ny maty.

14 Koa hiroso amin' ny fa-

6a Jarôma 1:2;
Môrm. 5:12–13.
b 2 Ne. 26:16–17; 29:12.
TSM Bokin' i
Môrmôna.
7a Isa. 29:11–12;
Etera 3:25–27; 4:4–7.
b Môsià 8:19.

d Etera 13:1–12.
8a Etera 5:1.
b 3 Ne. 26:9–12;
Etera 4:5–6.
9a F&F 17:5–6.
b JS—T 1:64–65.
11a Lio. 12:3; Môrm. 5:8;
F&F 121:26–31.

12a Deot. 19:15.
b 2 Ne. 11:3;
Etera 5:2–4;
F&F 5:11, 15; 17:1.
13a 2 Ne. 3:19–20;
33:13–15;
Môrô. 10:27.

moahana ny tenin' ilay boky ny Tompo Andriamanitra; ary eo am-bavan' ny vavolombelona maro araka izay heveriny ho mety no hampiroenany ny teniny; ary lozan' izay "mandà ny tenin' Andriamanitra!

15 Nefa indro, ny zavatra hitranga dia hiteny amin' ilay olona izay hotolorany ilay boky ny Tompo Andriamanitra hoe: Raiso ireo teny tsy voaisy tombo-kase ireo ary atolory olonkafa hahazoany mampiseho ireo ny olo-mahay ka lazao hoe: Miangavy anao aho, "vakio ity. Ary hiteny ilay olo-mahay hoe: Ento atỳ ny boky, dia hovakiako ireo teny.

16 Ary ankehitriny noho ny rehak' izao tontolo izao sy mba hahazoany "harena no hitenenany izany fa tsy noho ny voninahitr' Andriamanitra.

17 Ary hiteny ilay olona hoe: Tsy azoko entina ny boky, satria efa voaisy tombo-kase.

18 Hiteny amin' izany ilay olo-mahay hoe: Tsy afaka mamaky azy aho.

19 Koa ny zavatra hitranga dia hatolotry ny Tompo Andriamanitra ny olona tsy mahavaky teny indray ilay boky sy ny teny ao anatiny; ary ilay olona tsy mahavaky teny hiteny hoe: Tsy mahay aho.

20 Hiteny aminy amin' izany ny Tompo Andriamanitra hoe: Tsy hamaky azy ny olo-mahay,

satria efa nandà azy izy, ary mahavita ny asako ihany Aho; noho izany dia ianao no hamaky ny teny izay homeko anao.

21 "Aza mikasika ny zavatra izay efa voaisy tombo-kase, fa Izaho no hamoaka azy amin' ny fotoana mahamety izany; satria hasehoko ny zanak' olombelona fa mahavita ny asako ihany Aho.

22 Noho izany, rehefa voavakinao ny teny izay efa nandidiako anao ary efa azonao ny "vavolombelona izay efa nampanantenaiko anao, dia hofehezinao indray ny boky ary hafeninao ato Amiko hahazoako mitahiry ny teny izay tsy novakinao, mandra-pahitàko ny mahamety ao amin' ny fahendreko ny hanambarako ny zava-drehetra amin' ny zanak' olombelona.

23 Fa indro, Izaho no Andriamanitra; ary Andriamanitry ny "fahagagana Aho; ary hasehoko izao tontolo izao fa Izaho dia ^btsy miova omaly, anio ary mandrakizay; ary tsy miasa eo anivon' ny zanak' olombelona Aho raha tsy ^dnoho ny finoany.

24 Ary ny zavatra hitranga indray dia hiteny amin' ilay hamaky ny teny izay hatolotra azy ny Tompo, hoe:

25 "Satria manatona Ahy amin' ny vavany ity vahoaka ity sy ^bmankalaza Ahy amin' ny molony, nefa efa nampanalaviriny Ahy ny fony, ary ny fahataho-

14a 2 Ne. 28:29–30;
Etera 4:8.

15a Isa. 29:11–12;
JS—T 1:65.

16a TSM Komiberaky ny
Mpisorona.

21a Etera 5:1.

22a TSM Vavolombelon'
ny Bokin' i
Môrmôna.

23a TSM Fahagagana.
b Heb. 13:8.

d Heb. 11;

Etera 12:7–22.

25a Isa. 29:13.
b Mat. 15:8.

rany Ahy dia ampianarina azy noho ny ^adidin' olombelona —

26 Noho izany Aho dia hiroso amin' ny fanaovana asa iray ^amahatalanjona eo anivon' ity vahoaka ity, eny, asa ^bmahatalanjona sy mahagaga iray, ka ho fongana ny fahendren' ny olon-kendryny sy mahay, ary hafenina ny fahazavan-tsainan' ny manam-panahiny.

27 Ary ^alozan' ireo izay mika-tsaka lalina ny hanafina ny fisainany amin' ny Tompo! Ary ao amin' ny maizina ny asany; ary hoy izy: Iza no mahita antsika ary iza no mahalala antsika? Ary hoy koa izy: Tsy isalasalana fa ny famadihanareo ny zavatra ho ambony ambany dia hotombanana ho toy ny ^btanimangan' ny mpanefy. Nefa indro, hasehoko azy hoy ny Tompon' ny Maro fa fantatro ny asany reheatra. Fa moa va ny asa hilaza amin' ilay efa nanao azy hoe, tsy nanao ahy izy? Sa ny zavatra voarafitra hilaza amin' izay nandrafitra azy hoe, tsy manampahalalana izy?

28 Nefa indro, hoy ny Tompon' ny Maro: Hasehoko ny zanak' olombelona fa vetivety foana dia hovana ho saha mahavokatra i Libanona; ary ny saha mahavokatra dia heverina ho toy ny ala.

29 ^aAry amin' izany andro iza-ny, ny marenina dia handre ny

tenin' ilay boky, ary ny mason' ny jamba hahita avy ao amin' ny haizina sy avy ao amin' ny haizim-pito.

30 Ary hitombo koa ny ^amalemy paika, ary ho ao amin' ny Tompo ny ^bfifaliany, ary ny faraidiny amin' ny olona hifaly amin' ny Iray Masin' ny Isiraely.

31 Fa raha velona marina tokoa ny Tompo, dia hahita ireo fa efa ovana ho tsinontsinona ilay ^amahatahotra sy efa levona ny mpamingavinga ary efa fongana ireo rehetra miari-tory amin' ny heloka;

32 Sy ireo manao ny olona ho ^ampanafintohina noho ny teny iray ka mamela fandrika ho an' izay mandevilevy eo ^bam-bavahady, ary ^dmanosi-bohon-tanana ny olo-marina ho toy ny zavatra tsinontsinona.

33 Koa, izao no lazain' ny Tompo izay nanavotra an' i Abrahama momba ny mpianakavin' i Jakoba: Tsy ho menatra i Jakoba ankehitriny sady tsy hivaloarika ny tarehiny hatrizao.

34 Nefa rehefa ^amahita ny zanany izy, ny asan' ny tanako eo anivony, dia hanamasina ny anarako izy ary hanamasina ny Iray Masin' i Jakoba sy hatahotra ny Andriamanitry ny Isiraely.

35 Ireo izay ^anandiso ny fanahiny koa dia ho tonga amin' ny fahazavan-tsaina ary ireo izay

25d 2 Ne. 28:31.

26a 1 Ne. 22:8;

2 Ne. 29:1–2.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

b Isa. 29:14;

2 Ne. 25:17.

27a Isa. 29:15.

b Jer. 18:6.

29a Isa. 29:18.

30a TSM Halemem-panahy.

b F&F 101:36.

31a Isa. 29:20.

32a Lio. 11:54.

b Amo. 5:10.

d 2 Ne. 28:16.

34a Isa. 29:23–24.

35a 2 Ne. 28:14;

F&F 33:4.

mimonomonona dia ^bhianatra ny fotopampianarana.

TOKO 28

Haorina ny fiangonana sandoka marobe amin' ny andro farany—Hampianatra fotopampianarana diso, tsy ilaina ary tsy misy heviny ireny—Ho sesehena ny apôstazia noho ny mpampianatra sandoka—Ho romotra ny devoly ao am-pon' ny olona—Hampianariny avokoa ny toetoetry ny fotopampianarana sandoka. Tokony ho 559-545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, indro ry rahalahy malala, efa niteny tamina-reo aho araka ny efa naneren' ny Fanahy ahy; koa fantatro fa tsy maintsy ho tonga marina tokoa ireo.

2 Ary ny zavatra izay hosoratana avy amin' ilay “boky dia ^bhanan-danja lehibe ho an' ny zanak' olombelona ary indrindra ho an' ny taranatsika izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

3 Fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny “fiangonana izay miorina, saingy tsy miorina ho an' ny Tompo, dia hilaza amin' izy samy izy hoe: Indro, izaho, izaho no an' ny Tompo; ary ny hafa hiteny hoe: Izaho, izaho no an' ny Tompo; dia samy hilaza toy izany avo-

koa izay efa nanorina fiangonana, saingy tsy nanorina izany ho an' ny Tompo—

4 Ary dia hifanditra izy samy izy; hifanditra izy samy mpisorona, ary samy hampianatra ny “fahaizany ka handà ny Fanahy Masina izay manome ny fitenena.

5 Ary “mandà ny ^bfahefan' Andriamanitra, ny Iray Masin' ny Isiraely, izy; ka hoy izy amin' ny olona: Mihainoa anay ary ankatoavy ny fampianaranay; fa indro, ^dtsy misy Andriamanitra ankehitriny fa efa nahatontosa ny asany ny Tompo sady Mpanavotra, ary efa natolony ny olona ny fahefany;

6 Indro, henoinareo ny fampianarako; raha misy milaza fa misy ny fahagagana nataon' ny tanan' ny Tompo dia aza mino izany; satria tsy Andriamanitry ny “fahagagana intsony Izy ankehitriny; efa nahatontosa ny asany Izy.

7 Eny, hisy maro izay hiteny hoe: “Mihinàna, misotroa ary mifalia, fa ho faty isika rahampitso; ary ho soa ho antsika izany.

8 Ary hisy maro koa ireo izay hilaza hoe: Mihinàna, misotroa ary mifalia; kanefa matahora an' Andriamanitra—homeny “rari-ny ny fanaovana fahotana madi-nidinika; eny, ^bmandaingà kely, mahaiza manararaotra ny hafa noho ny teniny, fandriho amin'

35b Dan. 12:4.

28 2a TSM Bokin' i Môrmôna.

b 1 Ne. 13:34-42; 22:9;

3 Ne. 21:6.

3a 2 Tan. 1:10-13;

1 Ne. 22:23;

4 Ne. 1:25-29;

Môrm. 8:28, 32-38.

4a 2 Ne. 9:28.

5a 2 Ne. 26:20.

b 2 Tim. 3:5.

d Almà 30:28.

6a Môrm. 8:26; 9:15-26.

7a 2 Tan. 15:32;

Almà 30:17-18.

8a Môrm. 8:31.

b F&F 10:25;

Mos. 4:4.

TSM Lainga.

ny ^alongoa ny namanao; fa tsy misy faharatsiana amin' izany; dia ataovy avokoa ireo zavatra ireo fa ho faty isika rahampitso; ary raha toa aza ka meloka isika, dia hofaizin' Andriamanitra amin' ny dian-kapoka vitsivitsy, ary dia hovanjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ihany isika amin' ny farany.

9 Eny, ary hisy maro no hampianatra araka izany fomban' ny ^afotopampianarana ^bdiso sy tsy ilaina ary tsy misy heviny izany, ary hizihitra ao am-pony izy sady hikatsaka lalina ny hana-fenany ny fiokoany amin' ny Tompo; ary ho ao amin' ny mai-zina ny asany.

10 Ary ny ^aran' ny olomasina dia hiantsoantso avy amin' ny tany hiampana azy.

11 Eny, efa nivily avokoa niala tamin' ny ^alalana izy; efa zary ^blo.

12 Noho ny ^aavonavona sy noho ny mpampianatra sandoka sy ny fotopampianarana diso dia efa zary lo ny fiangonany ary efa mieboebo ny fiangonany; noho ny avonavony dia efa mizihitra izy.

13 ^aMandroba ny ^bmahantra izy noho ny toerany masina miren-ty; mandroba ny mahantra izy noho ny fitafiany tsara; ary manenjika ny malemy paika sy ny mahantra am-po izy, satria noho ny ^aavonavony dia mizihitra izy.

14 ^aHenjana ny hatony sady milanjalanja loha izy; eny, noho ny avonavona sy ny faharatsiana mbamin' ny fahavetavetana sy ny fijangajangany, dia efa ^bnaniaisia izy rehetra afa-tsy vitsivitsy, dia ireo izay mpanaradia an' i Kristy sady manetry tena; kanjo dia voatarika ka dia mandiso hevitra amin' ny lafiny maro satria fampianaran' olombelona no ampianarina azy ireo.

15 Ry ^aolon-kendry sy olomahay ary mpanankarena izay mizihitra ao amin' ny ^bavonavon' ny fony, ô, mbamin' ireo rehetra izay mitory fampianarana sandoka sy ireo rehetra izay manao fijangajangana ka mamily ny lala-mahitsin' ny Tompo, ^aloza, loza, lozan' izy ireo, hoy ny Tompo Andriamanitra Tsitoha fa hatsipy any amin' ny helo izy ireo.

16 Lozan' ireo izay ^amanosi-bohon-tanana ny olo-marina, noho ny zavatra tsinontsinona sy manaratsy izay tsara, ka milaza fa tsy manan-danja izany! Satria ho avy ny andro izay hamangian' ny Tompo Andriamanitra faingana tokoa ny mponin' ny tany; ary amin' izany andro izany izay ^bhahamasahany tanteraka ao amin' ny fahotana, dia hofongorana izy.

17 Nefa indro, raha mibebaka amin' ny faharatsiany sy ny fa-

8d Ohab. 26:27;

1 Ne. 14:3.

9a Mat. 15:9.

b Ezek. 13:3;

Hel. 13:29.

10a Fan. 6:9–11;

2 Ne. 26:3;

Môrm. 8:27;

Etera 8:22–24;

F&F 87:7.

11a Hel. 6:31.

b Môrm. 8:28–41;

F&F 33:4.

12a Ohab. 28:25.

13a Ezek. 34:8.

b Hel. 4:12.

d Almà 5:53.

14a Ohab. 21:4.

b Isa. 53:6.

15a Ohab. 3:5–7.

b tsm Fiavonavonana.

d 3 Ne. 29:5.

16a Isa. 29:21.

b Etera 2:9–10.

havetavetany ny mponin' ny tany, dia tsy hofongorana izy, hoy ny Tompon' ny Maro.

18 Nefa indro fa ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko, ilay "vehivavy janga amin' ny tany manontolo, dia tsy maintsy ^bmirodana ary tsy maintsy ho lehibe ny firodanany.

19 Fa tsy maintsy "mihozon-gozona ny fanjakan' ny devoly, ary ireo izay anisan' izany dia tsy maintsy ilaina hotairina mba hibe-baka fa raha tsy izany dia hohazonin' ny ^bdevoly amin' ny ^dgadrany maharitra mandrakizay izy mba hampahatezitra sy hahafongana azy;

20 Fa indro, ho "romotra ao am-pon' ny zanak' olombelona izy amin' izany andro izany ka hamporisika azy ho tezitra amin' izay tsara.

21 Ary "hampitoniany ny sasany ka handrotsirotsiany amin' ny fiadanana ara-nofo izay hite-nenan' ireo hoe: Mandry fehizay ny rehetra ao Ziona; eny, mi-roborobo i Ziona, mandry fehizay ny rehetra—ary dia toy izany no anambakan' ny ^bdevoly ny fanahiny, ka hitarihiny azy amim-pahamalinana hidina any amin' ny helo.

22 Ary indro, tarihiny amin' ny fandokafana ny sasany, ary ilazany fa tsy misy izany "helo izany; dia hoy izy amin' ireo: Tsy devoly izany aho, satria tsy

misy izany—ary dia toy izany no bitsihiny ao an-tsofiny mandra-pisamborany azy amin' ny ^bgadrany mahatsiravina izay tsy misy fanafahana.

23 Eny, voasambotry ny fahafatesana sy ny helo ireo; ary ny fahafatesana sy ny helo sy ny devoly ary izay rehetra efa voahazon' ireo dia tsy maintsy mijoro eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy "hotsaraina araka ny asany, ary avy eo ireo dia tsy maintsy mankany amin' ny toerana efa voaomana ho azy ireo, dia ny ^bfarihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fiafarany.

24 Koa lozan' izay miadana ao Ziona!

25 Lozan' izay miantso hoe: Mandry fehizay ny rehetra.

26 Eny, lozan' izay "mihaino ny fampianaran' olombelona ka mandà ny fahefan' Andriamanitra sy ny fanomezana ny Fanahy Masina!

27 Eny, lozan' izay milaza hoe: Efa nandray izahay ka tsy "mila intsony!

28 Ary raha fintinina, lozan' ireo izay mangovitra sady "tezitra noho ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra! Satria indro, fa izay miorina eo ambony ^bvatolampy dia mandray izany amim-pifaliana; ary izay miorina eo amin' ny fanorenana fasika dia mangovitra fandrao hianjera izy.

18a Fan. 19:2.
b 1 Ne. 14:3, 17.
19a 1 Ne. 22:23.
b Almà 34:35.
d Almà 12:11.
20a F&F 10:20–27.
21a Môrm. 8:31.

b 2 Ne. 9:39.
22a tsm Helo.
b Almà 36:18.
23a tsm Jesoa Kristy—
Mpitsara; Fitsarana
Farany, Ny.
b 2 Ne. 9:16, 19, 26.

26a 2 Ne. 9:29.
27a Almà 12:10–11.
28a 2 Ne. 9:40; 33:5.
tsm Fikomiana.
b Mat. 7:24–27.
tsm Vatolampy.

29 Lozan' izay hiteny hoe: Efa nandray ny tenin' Andriamanitra izahay ka "tsy mila ^bintsony ny tenin' Andriamanitra fa manana ny ampy izahay!

30 Nefa indro, izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Hanome ny zanak' olombelona andalan-tsoratra anampy "andalan-tsoratra Aho, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely; ary sambatra ireo izay mihaino ny fitsipiko, sy mampandry sofina amin' ny torohevitro, fa hianatra ^bfahendrena izy; fa izay ^dmandray no homeko "bebe kokoa; ary amin' ireo izay hilaza hoe: Manana ny ampy izahay, amin' ireo kosa dia hoesorina na dia izay efa ananany aza.

31 Voaozona ny olona mame-traka ny "fitokiany amin' olombelona, na manao ny nofo ho sandriny, na mihaino ny fampianaran' olombelona raha tsy nomena noho ny herin' ny Fanahy Masina ny fampianarany.

32 "Lozan' ny Jentilisa, hoy ny Tompon' ny Maro! Satria na dia hanolotra azy ny tanako isan' andro isan' andro aza Aho, dia handà Ahy izy; kanefa dia ho feno famindram-po aminy Aho, hoy ny Tompo Andriamanitra, raha mibebaka izy sy manatona Ahy; fa ny ^btanako dia mitolotra

mandritra ny manontolo andro hoy ny Tompon' ny Maro.

TOKO 29

Hitsipaka ny Bokin' i Môrmôna ny Jentilisa maro—Hilaza izy hoe, Tsy mila Baiboly intsony izahay—Niteny tamin' ny firenena maro ny Tompo—Hitsara izao tontolo izao Izy araka ireo boky izay hosoratana. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NEFA hisy maro—amin' izany andro izany, rehefa hiroso Aho amin' ny fanaovana asa iray "mahatalanjona eo anivony mba hahatsiarovako ny ^bfanekempihavanako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona sy hahazoako manatsotra "fanindroany indray ny tanako mba hanombàko ny oloko izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely;

2 Ary koa, mba hahatsiarovako ny fampanantenana izay efa nataoko taminao ry Nefia ary koa tamin-drainao fa hotsarovako ny taranakareo; ka ny "tenin' ny taranakareo dia hiloaka ny vavako hankany amin' ny taranakareo ary ny teniko dia ^bhisiaka hatrany am-paran' ny tany toy ny ^dfanava ho an' ny oloko izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely;

3 Ary satria hisiaka ny teniko—dia maro, amin' ny Jentili-

29a 2 Ne. 29:3–10.

b 2 Ne. 27:14; Etera 4:8.

30a Isa. 28:9–13;

F&F 98:12.

b TSM Fahendrena.

d Lio. 8:18.

e Almà 12:10; F&F 50:24.

31a F&F 1:19–20.

32a 1 Ne. 14:6.

b Jakôba 5:47; 6:4.

29 1a 2 Ne. 27:26.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

d 2 Ne. 6:14; 21:11–12; 25:17.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

2a 2 Ne. 3:18–21.

b Isa. 5:26; 2 Ne. 15:26; Môrô. 10:28.

d 1 Ne. 21:22.

TSM Faneva.

sa no hiteny hoe: “Baiboly iray! Baiboly iray! Efa manana Baiboly iray izahay, ary tsy mety hisy Baiboly hafa intsony.

4 Nefa, izao no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Ry adala, hazo Baiboly iray izy; ary izany dia hivoaka avy amin’ ny “Jiosy, olon’ ny fanekempihavanako fahiny izany. Ary inona no mba fisaorany ny ^bJiosy noho ny ^dBaiboly izay noraisiny taminy? Eny, inona no tian’ ny Jentilisa hola-zaina? Moa mba tsaroany va ny asa sy ny raharaha ary ny fangirifirian’ ny Jiosy mbamin’ ny fahazotoana nasehony Tamiko, tamin’ ny nitondrany ny famonjena ho an’ ny Jentilisa?

5 E ianareo Jentilisa, moa efa notsarovanareo va ny Jiosy, ny olon’ ny fanekempihavanako fahiny? Tsia; fa efa nozoninareo kosa izy sy “nankahalainareo ary tsy nikatsaka ny hampody azy ianareo. Indro anefa fa hovalia-ko eo ambony lohanareo avokoa ireo zavatra ireo; Izaho Tompo dia tsy nanadino ny oloko.

6 Adala ianao izay hiteny hoe: “Baiboly iray, efa manana Baiboly iray izahay ka tsy mila Baiboly intsony. Moa nanana ny Baiboly ianareo raha tsy noho ny Jiosy?

7 Tsy fantatrarao va fa tsy iray ihany ny firenena? Tsy fantatrarao va fa Izaho Tompo Andriamanitrareo dia efa “nahary

ny olon-drehetra ka tsaroako ireo izay any amin’ ny ^bnosin-dranomasina; ary manapaka eny amin’ ny lanitra ambony sy ety amin’ ny tany ambany Aho; ary Izaho no mampitondra ny teniko ho an’ ny zanak’ olombelona, eny, na dia ho an’ ny firenena rehetra ambonin’ ny tany aza?

8 Noho izany, nahoana no mimonomonona ianareo, kanefa handray misimisy kokoa amin’ ny teniko? Tsy fantatrarao va fa ny fanambaran’ ny “firenena roa dia ^bvavolombelona aminareo fa Izaho no Andriamanitra, fa Izaho dia mahatsiaro ny firenena iray toy ny ahatsiarovako ny firenena iray hafa koa? Koa teny iray ihany no lazaiko na amin’ ity firenena ity na amin’ itsy firenena itsy. Ary rehefa mikambana ny ^dfirenena roa, dia hikambana koa ny fanambaran’ izy roroa.

9 Ary ataoko izany hanaporofoako amin’ ny maro fa Izaho no “tsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay; ka manambara ny teniko Aho araka ny sitrapoko. Ary satria efa nilaza ^bteny iray Aho, dia tsy tokony heverinareo fa tsy afaka milaza iray hafa; satria ny asako dia tsy mbola vita; sady tsy ho vita izany mandra-pahatapitry ny olombelona na aorian’ izay fotoana izay na mandrakizay.

10 Koa satria efa manana

3a 1 Ne. 13:23–25.
TSM Baiboly; Bokin’
i Môrmôna.

4a F&F 3:16.
b TSM Jiosy.
d TSM Joda— Ny
tapa-kazon’ i Joda.

5a 3 Ne. 29:8.
6a 1 Ne. 13:38.
7a TSM Fahariana.
b 1 Ne. 22:4.
8a Ezek. 37:15–20;
1 Ne. 13:38–41;
2 Ne. 3:12.

b Mat. 18:16.
TSM Vavolombelona.
d Hosea 1:11.
9a Heb. 13:8.
b TSM Fanambarana.

Baiboly iray ianareo, dia tsy tokony hihevitra ianareo fa mirakitra ny “teniko rehetra izany; sady tsy tokony hihevitra ianareo fa tsy nampanoratra misimisy kokoa Aho.

11 Satria mandidy ny “olon-drehetra Aho, na any atsinanana, na any andrefana, na any avaratra, na any atsimo ary na any amin’ ny nosin-dranomasina, ^bhanoratany ny teny izay lazaiko azy; fa araka ny ^dboky izay hosoratana no ^hhitsarako izao tontolo izao, ny tsirairay araka ny asany avy, araka izay efa voasoratra.

12 Fa indro, hiteny amin’ ny “Jiosy Aho, dia hanoratra izany izy; ary hiteny amin’ ny Nefita Aho, dia ^bhanoratra izany izy; ary Izaho koa hiteny amin’ ny foko hafa amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely, izay efa nentiko niala, dia hanoratra izany izy; ary Izaho koa hiteny amin’ ny ^dfirenen-drehetra eto an-tany, dia hanoratra izany ireo.

13 Ary ny zavatra hitranga dia ny “Jiosy handray ny tenin’ ny Nefita ary ny Nefita handray ny tenin’ ny Jiosy; ary ny Nefita sy ny Jiosy dia handray ny tenin’ ny ^bfoko very tamin’ i Isiraely; ary ny foko very tamin’ i Isiraely handray ny tenin’ ny Nefita sy ny Jiosy.

14 Ary ny zavatra hitranga dia hangonina ka hampodiana any amin’ ny tany zakainy ny oloko izay isan’ ny “mpianakavin’ i Isiraely; dia hatambatra ho ^biray ihany koa ny teniko. Ary hasehoko ireo izay miady amin’ ny teniko sy miady amin’ ny oloko izay isan’ ny “mpianakavin’ i Isiraely, fa Izaho no Andriamanitra, ary Izaho efa nanao ^efanekempihavanana tamin’ i Abrahama fa hotsarovako ^fmandrakizay ny ^gtaranany.

TOKO 30

Ho tafiditra ho isan’ ny vahoakan’ ny fanekempihavanana ny Jentilisa niova fo — Hino ny teny ny Lamanita sy ny Jiosy maro ka hanjary mahatehotia — Hampodiana amin’ ny laoniny Isiraely ary hofongorana ny olon-dratsy. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro ry rahalahiko malala, te hiresaka aminareo aho; satria izaho Nefia dia tsy hamela ny hiheveranareo fa marina kokoa noho ny Jentilisa ianareo. Satria indro fa raha tsy mitandrana ny didin’ Andriamanitra ianareo dia ho faty tahaka azy avokoa ianareo; satria noho ny teny izay efa nolazaiko, dia

10a TSM Soratra Masina—
Faminaniana ny
amin’ ny hivoahan’
ny Soratra Masina.
11a Almà 29:8.
b 2 Tim. 3:16.
d TSM Bokin’ ny
Fiainana.
e 2 Ne. 25:22; 33:11,
14–15.

TSM Fitsarana
Farany, Ny.
12a 1 Ne. 13:23–29.
b 1 Ne. 13:38–42;
2 Ne. 26:17.
d 2 Ne. 26:33.
13a Môrm. 5:12–14.
b TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin’
ny Isiraely.

14a Jer. 3:17–18.
b Ezek. 37:16–17.
d 1 Ne. 22:8–9.
e Gen. 12:1–3;
1 Ne. 17:40;
3 Ne. 20:27; Abr. 2:9.
TSM Fanekempihava-
nan’ i Abrahama.
f Gen. 17:7.
g F&F 132:30.

tsy tokony hihevitra ianareo fa ho fongana tanteraka ny Jentilisa.

2 Satria indro, lazaiko aminareo fa rehefa mety ho Jentilisa ka mibebaka, dia isan' ny "olon' ny fanekempihavanan' ny Tompo; ary rehefa mety ho ^bJiosy ka tsy mibebaka, dia hariana; fa ny Tompo tsy manao fanekempihavanana afa-tsy amin' ireo izay ^a"mibebaka sady mino ny Zanany, dia ny Iray Masin' ny Isiraely.

3 Ary ankehitriny, mbola te haminany misimisy ihany aho ny momba ny Jiosy sy ny Jentilisa. Fa aorian' ny hivoahan' ilay boky izay efa nolazaiko fa hosoratana ho an' ny Jentilisa sady hofehezina kase indray ao amin' ny Tompo, dia hisy maro no ^a"hino ny teny izay voasoratra; ary ^bhitondra izany izy han-kany amin' ny taranatsika sisa.

4 Ary amin' izany dia ho fantatry ny taranatsika sisa ny momba antsika, ny nahatonga antsika handao an' i Jerosalema ary ny maha-taranaka Jiosy azy.

5 Ary hambara ^a"amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy; koa hampodiana amin' ny ^bfahalalana ny razany ^a"izy, ary koa amin' ny fahalalana an' i Jesoa Kristy toy ny efa nahalalan' ny razany Azy.

6 Ary amin' izany dia hifaly izy; satria ho fantany fa fitahiana iray teo an-tanan' Andriamanitra

ho azy izany; ary hanomboka hiala amin' ny masony ny kiran' ny fahamaizinana; ary tsy ho lasana ny taranaka maro eo anivony raha tsy efa tonga vahoaka madio sy ^a"mahatehotia izy.

7 Ary ny zavatra hitranga dia ^a"hanomboka hino an' i Kristy ny ^bJiosy izay miely patrana; ka hanomboka hitambatambatra izy eto ambonin' ny tany; ary ho tonga olona mahatehotia koa izay rehetra mino an' i Kristy.

8 Ary ny zavatra hitranga dia hanomboka ny asany eo anivon' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra ny Tompo Andriamanitra, amin' ny fanatanterahana ny fampodiana amin' ny laoniny ny olony eto an-tany.

9 Ary araka ny rariny no ^a"hitsaran' ny ^bTompo Andriamanitra ny mahantra, ary haniny araka ny hitsiny Izy ho an' ny ^a"malemy fanahin' ny tany. Ary hamely ny tany amin' ny tsorakazon' ny vavany Izy; ary amin' ny fofonain' ny molony no handringanany ny olon-dratsy.

10 Fa avy faingana tokoa ny ^a"fotoana izay hampanjarian' ny Tompo Andriamanitra ^bfizarazarana lehibe eo anivon' ny vahoaka, ka ny olon-dratsy dia ho ringaniny; ary ^a"hitsimbina ny olony Izy, eny, na dia tsy main-

30 2a Gal. 3:26-29.

b Mat. 8:10-13.

TSM Jiosy.

d TSM Fibebahana.

3a 3 Ne. 16:6-7.

b 1 Ne. 22:8-9.

5a 3 Ne. 21:3-7, 24-26.

b 1 Ne. 15:14;

2 Ne. 3:12;

Môrm. 7:1, 9-10.

d F&F 3:20.

6a F&F 49:24; 109:65.

7a 2 Ne. 25:16-17.

b 2 Ne. 29:13-14.

9a 2 Ne. 9:15.

b Isa. 11:4-9.

d TSM Halemempahany.

10a TSM Andro Farany.

b F&F 63:53-54.

d Mos. 7:61.

tsy ‘mandringana ny olon-dra-
tsy amin’ ny afo aza.

11 Ary “fahamarinana no ho
fisikinany ary fahatokiana no
ho fehin-kibony.

12 Ary amin’ izany ny amboa-
dia hiara-“mitoetra amin’ ny
zanak’ ondry; ary ny leoparda
hiara-mandry amin’ ny zanak’
osy ary ny zanak’ omby sy ny
liona tanora ary ny omby mifa-
hy hiray toerana; ary zazakely
no hiroaka azy.

13 Ary ny ombivavy sy ny
bera hiara-komana; ny zanany
hiara-mandry; ary ny liona
hihina-mololo toy ny omby.

14 Ary ny zaza minono hilalao
amin’ ny lavaky ny vipera ary
ny zaza misara-nono hametraka
ny tanany eo amin’ ny lavaky ny
menarana.

15 Sady tsy handratra no tsy
hanimba eran’ ny tendrombohi-
tro masina ireo, satria ho heni-
ka ny fahalalana ny Tompo ny
tany, dia tahaka ny rano maha-
henika ny ranomasina.

16 Koa hampahafantarina ny
zavatra ny “firenen-drehetra;
eny, ^bhampahafantarina ny za-
nak’ olombelona ny zava-dre-
hetra.

17 Tsy misy zava-miafina izay
tsy “hambara; tsy misy asan’ ny
maizina izay tsy haseho eo
amin’ ny mazava; ary tsy misy
zavatra voafehy eto an-tany
izay tsy hoborahina.

18 Noho izany, ny zava-drehe-

tra izay efa nambara ny zanak’
olombelona dia hambara amin’
izany andro izany; ary tsy ha-
nana fahefana amin’ ny fon’ ny
zanak’ olombelona “intsony i
Satana mandritra ny fotoana
maharitra. Ary ankehitriny ry
rahalahiko malala dia faranako
ny teniko.

TOKO 31

*Nilaza ny antony nanaovana batisa
an’ i Kristy i Nefia—Tsy maintsy
hanara-dia an’ i Kristy ka hatao
batisa sy handray ny Fanahy Ma-
sina ary haharitra hatramin’ ny
farany ny olona mba hovanjena—
Ny fibebahana sy ny batisa no va-
ravarana’ ny lalana ety sy tery. Ny
fahatongavan’ ny fiainana mandra-
kizay amin’ ireo izay nitandrina ny
didy rehefa avy natao batisa. Toko-
ny ho 559–545 talohan’ i J.K.*

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia
mamarana ny “faminaniako ami-
nareo ry rahalahiko malala. Ary
izaho tsy afa-manoratra afa-tsy
zavatra vitsivitsy izay fantatro
fa tsy maintsy hitranga marina
tokoa; no tsy afa-manoratra koa
afa-tsy vitsivitsy amin’ ny tenin’
i Jakôba rahalahiko.

2 Koa ampy ho ahy ny zavatra
izay efa nosoratako afa-tsy teny
vitsivitsy izay tsy maintsy la-
zaiko momba ny “fotopampia-
naran’ i Kristy; noho izany, dia
hiteny aminareo mazava tsara

10e 1 Ne. 22:15–17, 23.
TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
11a Isa. 11:5–9.
12a Isa. 65:25.

TSM Arivotaona.
16a F&F 101:32–35;
121:28–29.
^b Etera 4:6–7.
17a F&F 1:2–3.

18a Fan. 20:1–3;
Etera 8:26.
31 1a 2 Ne. 25:1–4.
2a 2 Ne. 11:6–7.

aho, araka ny fahazavan' ny faminaniako.

3 Fa finaritra amin' ny fahazavan-tsaina ny fanahiko; fa amin' izany fomba izany no iasan' ny Tompo Andriamanitra eo anivon' ny zanak' olombelona. Fa manome "fahazavana ho an' ny faharanitan-tsaina ny Tompo Andriamanitra; fa miteny amin' ny olona Izy araka ny ^bfiteniny mba hahazoan' ny olona Azy.

4 Koa mba tiako ho tadidinareo fa izaho efa niresaka taminareo ny momba ilay "mpaminany izay nasehon' ny Tompo ahy, izay tokony hanao batisa ny ^bZanakondrin' Andriamanitra izay hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao.

5 Ary ankehitriny, raha ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay masina aza, dia ilaina hatao "batisa amin' ny rano mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra, Ô tsy mainka va isika izay tsy masina amin' izany no tena mila hatao batisa, eny, dia amin' ny rano izany!

6 Ary ankehitriny, te hanontan' ny anareo aho ry rahalahiko malala, ahoana no nahatanterahan' ny Zanakondrin' Andriamanitra ny fahamarinana rehetra tamin' ny nanaovana batisa Azy tamin' ny rano?

7 Tsy fantatrarao va fa masina Izy? Nefa na dia masina aza Izy

dia asehony ny zanak' olombelona araka ny maha-nofo, fa manetry ny tenany eo anoloan' ny Ray Izy ary mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray, fa "hankatò Azy amin' ny fitandremana ny didiny.

8 Koa nony efa vita batisa tamin' ny rano Izy dia nidina teo Aminy tamin' ny "endriky ny ^bvoromailala ny Fanahy Masina.

9 Ary mampiseho indray amin' ny zanak' olombelona izany fa ety ny lalana ary tery ny "vavahady izay tokony hidirany, ka ny tenany no efa nataony ohatra taminy.

10 Ary niteny tamin' ny zanak' olombelona Izy hoe: "Manaraha Ahy. Noho izany ry rahalahiko malala, ahoana no ahazoantsika ^bmanara-dia an' i Jesoa raha tsy vonona ny hitandrana ny tenin' ny Ray isika?

11 Ary niteny ny Ray hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo ka aoka hatao batisa amin' ny anaran' ny Zanak' Malalako.

12 Ary tonga tamiko koa ny feon' ny Zanaka, manao hoe: Izay atao batisa amin' ny anarako no "homen' ny Ray ny Fanahy Masina, tahaka Ahy; koa ^bmanaraha Ahy ary ataovy ny zavatra izay efa hitanareo fa ataoko.

13 Noho izany ry rahalahiko malala dia fantatro fa raha

3a TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.
b F&F 1:24.

4a 1 Ne. 10:7; 11:27.
TSM Jaona Mpanao
Batisa.
b TSM Zanakondrin'
Andriamanitra.

5a Mat. 3:11–17.
TSM Batisa.

7a Jao. 5:30.
TSM Mankatò.

8a 1 Ne. 11:27.
b TSM Voromailala,
Endriky Ny.
9a 2 Ne. 9:41;

3 Ne. 14:13–14;
F&F 22:4.

10a Mat. 4:19; 8:22; 9:9.

b Môrô. 7:11; F&F 56:2.

12a TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

b Lio. 9:57–62;
Jao. 12:26.

manara-dia ny Zanaka ianareo, amin' ny finiaivan' ny fonareo manontolo, tsy manao amin' ny fihatsarambelatsihy sady tsy misy fitaka eo anoloan' Andriamanitra fa omban' ny fikasana marina, mibebaka amin' ny fahotanareo, mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa vonona hitondra ny anaran' i Kristy amin' ny "batisa—eny, amin' ny fanarahana ny Tomponareo sy ny Mpamonjy anareo midina ao anaty rano araka ny teniny, dia indro fa horaisinareo ny Fanahy Masina amin' izany; eny, amin' izany dia ho tonga ny ^bbatisan' ny afo sy ny Fanahy Masina; ary amin' izany dia ho afaka miteny amin' ny ^afitenin' ny anjely ianareo ary hiantsoantso fiderana ny Iray Masin' ny Isiraely.

14 Nefa indro, ry rahalahiko malala, fa toy izao ny feon' ny Zanaka tonga tamiko, manao hoe: Rehefa mibebaka amin' ny fahotanareo ianareo sy mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa vonona ny hitandrina ny didiko amin' ny alalan' ny batisan' ny rano ary mandray ny batisan' ny afo sy ny an' ny Fanahy Masina ary afaka miteny amin' ny fiteny vaovao, eny, dia amin' ny fitenin' ny anjely, ary rehefa izany ka mbola "handà Ahy ihany, dia ho ^btsaratsara kokoa

ho anareo ny tsy nahafantatra Ahy.

15 Ary nandre ny feo avy tamin' ny Ray aho, manao hoe: Eny, marina sy mahatoky ny tenin' ny Malalako. Izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena.

16 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, fantatro araka izany, fa raha tsy "maharitra hatramin' ny farany ny olona amin' ny fanarahana ny ^bohatry ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, dia tsy ho azo vonjena izy.

17 Koa, ataovy ny zavatra izay efa nolazaiko anareo, izay efa hitako fa hataon' ny Tomponareo sy ny Mpanavotra anareo; satria izany no antony nampisehoana ahy izany mba hahafantarana-reo ny vavahady tokony hidiranareo. Satria ny vavahady izay tokony hidiranareo dia ny fibe-bahana sy ny "batisa amin' ny rano; ary avy eo dia tonga ny ^bfamelana ny fahotanareo amin' ny alalan' ny afo sy ny Fanahy Masina.

18 Ary efa mby amin' ny "lalana ^bety sy tery izay mitondra man-kany amin' ny fiainana mandrakizay ianareo amin' izany; eny, efa niditra tamin' ny vavahady; efa nanao araka ny didin' ny Ray sy ny Zanaka; ary efa nandray ny Fanahy Masina izay mijoro ho "vavolombelona amin' ny Ray sy ny Zanaka ho fana-

13a Gal. 3:26–27.

^b TSM Fanomezana ny Fanahy Masina; Afo.

^d 2 Ne. 32:2–3.

14a Mat. 10:32–33;

Almà 24:30; F&F 101:1–5.

TSM Fahotana Tsy Ahazoana Famelana.

^b 2 Pet. 2:21.

16a Almà 5:13; 38:2; F&F 20:29.

^b TSM Jesoa Kristy—Ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy.

17a Môsià 18:10.

TSM Batisa.

^b TSM Famelana ny Fahotana.

18a Ohab. 4:18.

TSM Lalana.

^b 1 Ne. 8:20.

^d Asa 5:29–32.

tanterahina ny fampanantena-
na izay efa nataony fa raha toa
ianareo miditra amin' ny lalana
dia handray.

19 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, rehefa nihazo ny lalana ety sy tery ianareo dia mba te hanontany anareo aho raha toa ka efa “vita ny zava-drehetra. Indro lazaiko anareo, Tsia; satria tsy ho tonga hatreo amin' izay isianareo ianareo, raha tsy noho ny tenin' i Kristy sy ny ^bfinoanareo Azy tsy voahozongozona ary ny ^dfianteheranareo tantetraka amin' ny fahamendrehan' Ilay Mahery ka mahavonjy.

20 Noho izany dia tsy maintsy ^amibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin' ny fanananareo ^bfanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny ^dfitiavana an' Andriamanitra sy ny olondrehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary ^emaharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo.

21 Ary ankehitriny, indro ry rahalahiko malala, izany no ^alalana; ary ^btsy misy lalana na ^danarana hafa nomena ambanin' ny lanitra, izay hahazoana mamonjy ny olona ho ao amin'

ny fanjakan' Andriamanitra. Ary ankehitriny, indro izany no ^efotopampianaran' i Kristy, ary ny hany fotopampianarana marina an' ny ^fRay sy an' ny Zanaka ary an' ny Fanahy Masina izay ^gAndriamanitra iray, tsy manam-pahataperana. Amena.

TOKO 32

Miteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny anjely—Tsy maintsy mivavaka ny olona hahazoany fahalalana ho an' ny tenany avy amin' ny Fanahy Masina. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny indro, ataoko ry rahalahiko malala fa somary misaintsaina ao am-ponareo ianareo ny amin' izay tokony hataonareo rehefa tafiditra amin' ny lalana. Nefa indro, nahoana ianareo no misaintsaina izany zavatra izany ao am-ponareo?

2 Tsy tsaroanareo va ny nola-zaiko taminareo fa rehefa avy ^anandray ny Fanahy Masina ianareo, dia ho afaka miteny amin' ny ^bfitenin' ny anjely? Ary ankehitriny, ahoana no hahafahana-reo miteny amin' ny fitenin' ny anjely amin' izany raha tsy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina?

19a Môsià 4:10.

^b TSM Finoana.

^d F&F 3:20.

20a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin'
Andriamanitra.
^b TSM Fanantenana.
^d TSM Fitiavana.

^e TSM Maharitra.

21a Asa 4:10–12;

2 Ne. 9:41;

Almà 37:46;

F&F 132:22, 25.

^b Môsià 3:17.

^d TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny

anaran' i Jesoa Kristy.

^e Mat. 7:28;

Jao. 7:16–17.

^f TSM Andriamanitra.

^g 3 Ne. 11:27, 35–36.

TSM Firaيسان-kina.

32 2a 3 Ne. 9:20.

^b 2 Ne. 31:13.

3 Miteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny "anjely; noho izany dia manambara ny tenin' i Kristy izy. Izany no nilazako taminareo hoe, ^bmivokisa amin' ny tenin' i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy.

4 Koa, ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, raha tsy mety takatrareo ireo, dia satria "tsy mangataka ianareo sady tsy mandondona; noho izany dia tsy entina eo amin' ny mazava ianareo fa tsy maintsy ho faty ao amin' ny maizina kosa.

5 Fa indro, lazaiko aminareo indray fa raha te hiditra ny lalana ianareo ary handray ny Fanahy Masina, dia Izy no hampiseho aminareo ny zavatra rehetra izay tokony hataonareo.

6 Indro, izany no fotopampianaran' i Kristy ary tsy hisy fotopampianarana homena intsony ambara-"panehoany ny tenany aminareo ao amin' ny nofo. Ary rehefa haneho ny tenany aminareo ao amin' ny nofo Izy, dia tsy maintsy ezahanareo ny hanao ny zavatra izay holazainy aminareo.

7 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia tsy afaka miteny intsony; ajanon' ny Fanahy ny teniko, ary avela aho hitoreo noho ny "tsy finoana sy ny faharatsiana mbamin' ny tsy fahalalana ary ny hamafy hatoky ny olombelona; satria tsy mety mikatsaka

fahalalana izy no sady tsy takany ny fahalalana be rehefa omena azy amin' ny ^bfahatsorany izany, araka izay mahatsotra ny teny.

8 Ary ankehitriny takatro ry rahalahiko malala fa mbola mandinika ao am-ponareo ianareo; ary maharary ahy ny tsy maintsy ilazako izany zavatra izany. Satria raha mety mihaino ny Fanahy izay mampianatra ny olona "hivavaka ianareo, dia ho fantatrareo fa tsy maintsy mivavaka ianareo; satria tsy mampianatra ny olona hivavaka ny ^bfanahy ratsy fa mampianatra azy kosa tsy hivavaka izany.

9 Nefa indro lazaiko aminareo fa tsy maintsy "mivavaka mandrakariva ianareo ary tsy kivy; ary tsy hanao na inona na inona ho an' ny Tompo raha tsy efa nivavaka tamin' ny Ray aloha tamin' ny ^banaran' i Kristy mba hanamasinany ny asanareo ho anareo, mba hitondra "fiadana-na ho an' ny fanahinareo ny asanareo.

TOKO 33

Ny fahamarinan' ny tenin' i Nefia —Ny fanambarany ny amin' i Kristy— Ireo izay nino an' i Kristy dia hino ny tenin' i Nefia, izay hijoro ho vavolombelona eo anoloan' ny toeram-pitsarana. Tokony ho 559–545 talohan' i j.k.

3a TSM Anjely.

b Jer. 15:16.

4a TSM Mangataka.

6a 3 Ne. 11:8.

7a TSM Tsy Finoana.

b 2 Ne. 31:2–3;

Jakôba 4:13.

8a TSM Vavaka.

b Môsià 4:14.

TSM Devoly.

9a 3 Ne. 20:1;

F&F 75:11.

b Mos. 5:8.

d Almà 34:27.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia tsy afaka manoratra ny zavatra rehetra izay efa nampianarina teo anivon' ny oloko; sady tsy dia "mahery amin' ny fanoratana toy ny amin' ny fitenenana aho; fa rehefa ^bmiteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny olona iray, ny herin' ny Fanahy Masina dia mitondra izany hankany am-pon' ny zanak' olombelona.

2 Nefa indro, maro ireo izay "manamafy ny fony amin' ny Fanahy Masina hany ka tsy manana toerana ao aminy Izy; koa izy ireo dia manary zavatra maro izay efa voasoratra ary misaina izany ho toy ny zavatsinontsinona.

3 Nefa, izaho Nefia dia efa nanoratra izay efa voasoratro, ary heveriko ho misy "lanjany lehibe izany, indrindra ho an' ny oloko. Fa ^bmivavaka lalandava ho azy aho mandritra ny andro, ary vonton-dranomaso ny ondako amin' ny alina noho ny aminy; ary mitalaho amin' Andriamanitra amim-pinoana aho ka fantatro fa hihaino ny fitalahoako Izy.

4 Ary fantatro fa hanamasina ny fivavako ny Tompo Andriamanitra ho tombontsoan' ny oloko. Ary ny teny izay efa nosoratako tamin' ny fahalemena

dia "hatanjahina ho azy satria, ^bmandresy lahatra azy hanao ny tsara izany; mampahafantatra azy ny razambeny; ary miresaka an' i Jesoa ka mandresy lahatra azy hino Azy sy haharitra hatramin' ny farany, izay fiainana "mandrakizay.

5 Ary miteny "tsy misorona manohitra ny fahotana izany araka ny ^bfahatsoran' ny fahamarinana; noho izany dia tsy hisy olona ho tezitra amin' ny teny izay efa nosoratako afa-tsy izay hitoeran' ny fanahin' ny devoly.

6 Mirehareha ny amin' ny fahatsorana aho; mirehareha ny amin' ny fahamarinana aho; mirehareha ny amin' i Jesoako aho fa Izy efa "nanavotra ny fanahiko tamin' ny helo.

7 "Antra ny oloko aho sady manana finoana lehibe an' i Kristy hany ka hihaona amin' ny fanahy maro tsy misy pentina aho eo amin' ny toeram-pitsarany.

8 Antra ny "Jiosy aho—Jiosy, hoy aho, satria ny fiaviako no tiako ambara amin' izany.

9 Antra ny "Jentilisa koa aho. Nefa indro, tsy misy azoko antenaina ny aminy raha tsy efa ^bnihavana tamin' i Kristy izy ka miditra ny ^dvavahady tery sy "mandeha amin' ny ^flalana ety izay mitondra mankany amin' ny fiainana ary mitozo amin'

33 1a Etera 12:23-24.

b F&F 100:7-8.

2a Hel. 6:35-36.

3a TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

b Enôsa 1:9-12; TiM 1:8.

4a Etera 12:26-27.

b Môrô. 7:13.

d TSM Fiainana
Mandrakizay.

5a 1 Ne. 16:1-3;

2 Ne. 9:40.

b 2 Ne. 31:3;
Jakôba 4:13.

6a TSM Fanavotana.

7a TSM Fiantrana.

8a TSM Jiosy.

9a TSM Jentilisa.

b TSM Sorompanavotana.

d 2 Ne. 9:41.

e TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

f Hel. 3:29-30;

F&F 132:22.

ny lalana mandra-pahatapitry ny andron’ ny fizahan-toetra.

10 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala ary koa ianareo Jiosy sy ianareo rehetra faran’ ny tany, mihainoa ireto teny ireto sady “minoa an’ i Kristy; ary raha tsy mino ireto teny ireto ianareo, dia minoa an’ i Kristy. Ary raha mino an’ i Kristy ianareo, dia hino ireto ^bteny ireto, satria ^dtenin’ i Kristy ireo ary Izy no efa nanolotra ireo ho ahy; ary “mampianatra ny olon-drehetra ireo mba hanao ny tsara.

11 Ary raha tsy tenin’ i Kristy ireo, dia tsarainareo — fa hasehon’ i Kristy anareo amin-“kery sy voninahy-dehibe amin’ ny andro farany fa teniny ireo; ary dia hifanatri-tava isika na iza-ho na ianareo eo anoloan’ ny ^bfitsarany; ary ho fantatrareo fa efa nandidy ahy Izy hanoratra ireto zavatra ireto na dia teo aza ny fahalemeko.

12 Ary mivavaka amin’ ny Ray aho amin’ ny anaran’ i Kristy mba ho maro amintsika, raha

tsy isika rehetra, no hovonjena ao amin’ ny “fanjakany amin’ ny andro lehibe sady farany.

13 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, ianareo rehetra izay avy amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely sy ianareo rehetra faran’ ny tany, miteny aminareo toy ny feon’ olona “miantso avy ao amin’ ny vovoka aho: Veloma ianareo mandra-pahatongan’ iza-ny andro lehibe izany.

14 Ary ianareo izay tsy mety mandray anjara amin’ ny hatsaram-pon’ Andriamanitra, na manaja ny “tenin’ ny Jiosy ary koa ny ^bteniko sy ny teny izay hiloaka ny vavan’ ny Zanakondrin’ Andriamanitra, indro manao veloma anareo mandrakizay aho, satria “hanameloka anareo ireto teny ireto amin’ ny andro farany.

15 Fa izay feheziko eto an-tany dia hoentina hampangana anareo eo amin’ ny “toeram-pitsarana; fa izany no efa nandidian’ ny Tompo ahy ka dia tsy maintsy mankatò aho. Amena.

NY BOKIN’ I JAKÔBA

RAHALAHIN’ I NEFIA

Ny teny notoriany tamin’ ny rahalahiny. Nampangaihay ny lehilahy iray izay nikatsaka ny handrodana ny fotopampianaran’ i Kristy izy. Teny vitsivitsy momba ny tantaran’ ny vahoakan’ i Nefia.

10a TSM Finoana.

b TSM Bokin’ i

Môrmôna.

d Môrô. 10:27–29.

e 2 Ne. 25:28.

11a Etera 5:4; Môrô. 7:35.

b Fan. 20:12;

Môrô. 10:34.

12a TSM Voninahitra

Selestialy.

13a Isa. 29:4;

2 Ne. 26:16.

14a TSM Baiboly.

b TSM Bokin’ i

Môrmôna.

d 2 Ne. 29:11;

Etera 4:8–10.

15a TiM 1:11.

TOKO 1

Nikatsaka ny handresy lahatra ny olona mba hino an' i Kristy sy hitan-drina ny didiny i Jakôba sy i Jôsefa — Nodimandry i Nefia — Nahazo vahana teo anivon' ny Nefita ny faharatsiana. Tokony ho 544-421 talohan' i J.K.

FA indro, ny zava-nitranga dia dimy amby dimampolo taona no efa lasana hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema; noho izany, i Nefia dia nanome ahy, "Jakôba, ^bdidy iray momba ny ^atakelaka kely izay eo aminy no sokirina ireto zavatra ireto.

2 Ary nomeny ahy Jakôba, ny didy iray mba hanoratako eo amin' ireto takelaka ireto ny vitsivitsy amin' ny zavatra izay noheveriko ho tena sarobidy indrindra; mba tsy hikasihiko ny momba ny tantaran' ny vahoaka izay antsoina hoe ny vahoakan' i Nefia, raha tsy amin' ny ambangovangony ihany.

3 Satria nolazainy fa ny tantaran' ny olony dia tokony hosokirina eo amin' ny takelany hafa, ary tokony hotehiriziko ireto takelaka ireto ary hatolotro ny taranako, ny taranaka mifandimby.

4 Ary raha toa misy fitoriana izay masina, na fanambarana izay lehibe, na faminaniana, dia

tokony hosokiriko eo amin' ireto takelaka ireto ny "votoatiny ary hovoaboasako misimisy araka izay azo atao ireny noho ny amin' i Kristy sy noho ny amin' ny olonay.

5 Fa noho ny finoana sy ny fanahiana lehibe, dia efa natao miharihary taminay marina tokoa ny momba ny olonay, izay zavatra "hihatra aminy.

6 Ary izahay koa dia efa naho fanambarana maro sy fanahin' ny faminaniana betsaka; noho izany, izahay dia nahafantatra ny amin' i "Kristy sy ny fanjakany izay ho tonga.

7 Noho izany, izahay dia niasa tamim-pahazotoana tokoa teo anivon' ny olonay mba hahazoanay mandresy lahatra azy "hanatona an' i Kristy sy handray anjara amin' ny hatsaran' Andriamanitra hahazoany miditra ao amin' ny ^bfitsaharany, fandrao dia hisy antony hianianany ao amin' ny fahatezerany ka tsy ^dhidirany ao, toy ny tamin' ny "fihantsiana tamin' ny andron' ny fakam-panahy raha mbola tany an-tany foana ny mpianakavin' i Isiraely.

8 Noho izany, inay anie hotovin' Andriamanitra aminay ny hahafahanay mandresy lahatra ny olon-drehetra tsy "hikomy amin' Andriamanitra, ka ^bhiantsy Azy ho amin' ny fahateze-

[JAKÔBA]

1 1a TSM Jakôba,
Zanakalahin' i Lehia.
b Jakôba 7:27.
d 2 Ne. 5:28-33; Jakôba
3:13-14.
TSM Takelaka.
4a IE ny manjaka,

zavatra mana-danja.
5a 1 Ne. 12.
6a 1 Ne. 10:4-11; 19:8-14.
7a 2 Ne. 9:41; Ômnia
1:26; Môrô. 10:32.
b TSM Fitsaharana.
d Nom. 14:23;
Deot. 1:35-37;

F&F 84:23-25.
e Heb. 3:8.
f Nom. 26:65;
1 Ne. 17:23-31.
8a TSM Fikomiana.
b 1 Ne. 17:30;
Almà 12:36-37;
Hel. 7:18.

rana, fa mba hino an' i Kristy kosa ny olon-drehetra ary hibanjina ny fahafatesany sy hiaritra ny ^dhazofijaliany ary hizaka ny henatr' izao tontolo izao; koa izaho Jakôba dia mandray ho adidy ny fanatanterahana ny didin' i Nefia, rahalahiko.

9 Ankehitriny i Nefia dia nanomboka nandroso fahanterana, ary hitany fa tsy ho ela izy dia tsy maintsy ho ^afaty; noho izany izy dia ^bnanosotra olona iray ho mpanjaka sy ho mpanapaka teo amin' ny olony ankehitriny, araka ny fitondran' ny ^dmpanjaka.

10 Ny vahoaka dia tia fatratra tokoa an' i Nefia, satria efa lasa mpiahy lehibe azy izy, tamin' ny fampiasana ny ^asabatr' i Labàna ho fiarovany azy, sy tamin' ny niasany nandritra ny androny rehetra ho fiadanany —

11 Noho izany, ny vahoaka dia naniry ny hitana ny anarany ho fahatsiarovana. Ary na zovy na zovy no hanjaka eo amin' ny toerany, dia nantsoin' ny vahoaka hoe Nefia faharoa, Nefia fahatelo sy ny toy izany, arakara ny fitondran' ny mpanjaka; ary dia toy izany no niantsoan' ny vahoaka azy ireny na inona na inona anarany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Nefia.

13 Ankehitriny ny vahoaka

izay tsy ^aLamanita dia ^bNefita; kanefa izy ireny dia nantsoina ho Nefita, Jakôbita, Jôsefita, ^dZôramita, Lamanita, Lemoelita ary Ismaelita.

14 Fa izaho Jakôba kosa dia tsy hanavaka azy etoana amin' ireo anarana ireo, fa dia ^ahantsoiko kosa hoe Lamanita ireo izay mikatsaka ny hamongotra ny vahoakan' i Nefia, ary ireo izay mihavana amin' i Nefia dia hantsoiko hoe ^bNefita na ny ^dvahoakan' i Nefia, arakaraka ny fitondran' ny mpanjaka.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny fitondran' ny mpanjaka faharoa, dia nanomboka nanamafy ny tao ampony ny vahoakan' i Nefia ary somary nanaram-po ihany tamin' ny fomba ratsy izy, toa an' i Davida fahiny izay naniry ^avady sy vaditsindrano maro, ary koa i Solomona zanany lahy.

16 Eny, ary izy koa dia nanomboka nikaroka volamena sy volafotsy maro ary nanomboka ho somary tafasondrotra ihany tao amin' ny avonavona.

17 Noho izany, izaho Jakôba dia nanome azy ireto teny ireto raha nampianatra azy tao amin' ny ^atempoly aho, rehefa nahazo mialoha ny ^bfanendrena ahy avy tamin' ny Tompo.

18 Fa izaho Jakôba sy i Jôsefa rahalahiko dia efa ^anatokana ho

8d DJS, Mat. 16:25–26;
Lio. 14:27.
9a 2 Ne. 1:14.
b TSM Manosotra.
d 2 Ne. 6:2; Jarôma 1:7.
10a 1 Ne. 4:9; 2 Ne. 5:14;
TiM 1:13; Môsià 1:16;
F&F 17:1.

13a Enôsa 1:13;
F&F 3:18.
b TSM Nefita.
d 1 Ne. 4:35;
4 Ne. 1:36–37.
14a Môsià 25:12;
Almà 2:11.
b 2 Ne. 4:11.

d 2 Ne. 5:9.
15a F&F 132:38–39.
17a 2 Ne. 5:16.
TSM Tempoly,
Tranon' ny Tompo.
b TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra.
18a 2 Ne. 5:26.

mpisorona sy ho mpampianatra ity vahoaka ity, tamin' ny fame-trahan-tanan' i Nefia.

19 Ary dia nandrianinay ny "adidinay ho an' ny Tompo, tamin' ny nandraisanay ho ^bandraikitra ny hamaliana ny fahotan' ny olona eo ambony lohanay raha tsy nampianatra azy ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahazotoana rehetra izahay; noho izany, ny fiasana araka ny herinay dia ny mba tsy hipitipitihan' ny "rany amin' ny fitafianay; fa raha tsy izany dia hipitipitihan' ny rany ny fitafianay, ary dia tsy ho hita tsisy pentina izahay amin' ny andro farany.

TOKO 2

Niampanga ny fitiavan-karena, ny avonavona ary ny tsy fahadiovam-pitondrantena i Jakôba — Nahazo nikatsaka harena ny olona mba hanampy ny olona namany — Nomenohin' i Jakôba ny fanambadiana olo-marô tsy nahazoana lâlana — Finaritra amin' ny fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy ny Tompo. Tokony ho 544–421 talohan' i J.K.

Ny teny izay nolazain' i Jakôba, rahalahin' i Nefia, tamin' ny vahoakan' i Nefia taorian' ny fahafatesan' i Nefia:

2 Ankehitriny, ry rahalahiko malala, izaho Jakôba, araka ny andraikitra izay ahy manoloana an' Andriamanitra mba handria-

niko amim-pahamaotonana ny asako, ary mba hahazoako manaisotra ny fahotana amin' ny fitafiako, dia miakatra ao antempoly aho izao anio izao mba hahazoako milaza aminareo ny tenin' Andriamanitra.

3 Ary ianareo ireo dia mahafantatra fa efa nazoto tamin' ny asa niantsoana ahy aho hatrizao; nefa androany aho dia mivesatra faniriana sy fanahiana betsaka kokoa noho izay efa tojo ahy hatrizao, ho fiadanan' ny fanahinareo.

4 Fa indro, hatrizao, ianareo dia efa nankatò ny tenin' ny Tompo, izay efa nomeko anareo.

5 Nefa indro, mihainoa ahy ianareo ary fantaro fa noho ny fanampian' ny Mpahary ny lanitra sy ny tany mahefa ny zava-drehetra, dia afaka milaza aminareo aho ny momba ny "eritreritrareo, ny fomba izay hanombohanareo miaina ao amin' ny fahotana, dia ny fahotana izay miharihary fa tena fahavetavetana amiko, eny, ary fahavetavetana amin' Andriamanitra.

6 Eny, mahory ny fanahiko ary mahatonga ahy hitakemotra noho ny henatra manoloana ny fanatrehana ny Mpahary ahy, ny tsy maintsy hanambarako aminareo ny momba ny faharatsian' ny fonareo.

7 Ary mahory ahy koa ny tsy maintsy ampiasako "fahasahiam-pitenenana be momba anareo, manoloana ny vadinareo sy ny

19a TSM Anjara
Fanompoana.
b F&F 107:99–100.

TSM Fitantanandrahara.
d 2 Ne. 9:44.

25a Almà 12:3; F&F 6:16.
TSM Andriamanitra.
7a F&F 121:43.

zanakareo izay malia sy ^bmadio ary marefo fatratra tokoa ny fihetseham-pon' ny ankamaroany eo anoloan' Andriamanitra, izay zavatra mahafinaritra an' Andriamanitra;

8 Ary mihevitra aho fa efa nia-katra etoana izy ireo handre ny "teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, eny, dia ny teny izay manasitrana ny fanahy maratra.

9 Koa ny manavesatra ny fanahiko dia izaho voatery, noho ny didy henjana izay efa noraisiko avy tamin' Andriamanitra, hananatra anareo noho ny helokareo, hanitatra ny ratran' izay efa maratra sahady ho solon' ny fampiononana sy ny fitsaboana ny ratrany; ary ireo izay tsy noratraina, ho solon' ny fivokisana amin' ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, dia efa atsindrona ny antsy hanatrobaka ny fanahiny sy handratra ny sainy malemy.

10 Nefa, na dia eo aza ny fahalehibeazan' ny asa, dia tsy maintsy manao araka ny "didy henjana avy amin' Andriamanitra aho ary milaza aminareo ny momba ny faharatsianareo sy ny fahavetavetanareo, eo anatrehan' izay madio am-po sy manana fo torotoro, ary eo ambany fijerin' ny maso ^bmatsilon' Ilay Andriamanitra Tsitoha.

11 Noho izany, dia tsy maintsy milaza aminareo ny marina aho, araka ny "fahazavan' ny tenin'

Andriamanitra. Fa indro raha nanadina ny Tompo aho, dia tonga toy izao tamiko ny teny, manao hoe: Ry Jakôba, miakara ianao ao an-tempoly rahampitsa ary laza amin' ity vahoaka ity ny teny izay homeko anao.

12 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko, izao no teny izay lazaiko aminareo fa maro aminareo no efa nanomboka nikaroka volamena sy volafotsy ary ny karazana "vato sarobidy rehetra izay tena nananan' ity tany ity mihoa-pampana tokoa, dia ^btany nampanantenaina ho anareo sy ho an' ny taranakareo.

13 Ary ny fitondran' Andriamanitra dia efa nitsiky taminareo tamim-pankasitrahana indrindra tokoa, ka efa azonareo ny harena maro; ary noho ny sasany taminareo efa nahazo betsaka kokoa noho ny an' ny rahalahinareo, dia efa "tafasondrotra ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo ary milanja ny hatoka henjana sy ny loha mianjonanjona noho ny fahalafosam-bidy ny fitafianareo ary manenjika ny rahalahinareo, satria mihevitra ianareo fa tsara kokoa noho izy.

14 Ary ankehitriny, ry rahalahiko moa heverinareo va fa Andriamanitra dia manamarina anareo amin' izany zavatra izany? Indro, lazaiko aminareo, Tsia. Fa manameloka anareo kosa Izy, ary raha mikiry amin' ireo zavatra ireo ianareo, dia

7b TSM Hatsaran-toetra.

8a Almà 31:5.

10a TSM Didin'

Andriamanitra.

b 2 Ne. 9:44.

11a 2 Ne. 25:4; 31:2-3.

12a 1 Ne. 18:25;

Hel. 6:9-11;

Etera 10:23.

b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

13a Môrm. 8:35-39.

tsy maintsy ho tonga faingana tokoa aminareo ny famaliany.

15 Ô engà anie Izy ka haneho aminareo fa afaka manatrobaka anareo Izy, ary ny topimasony indray mandeha dia ahafahany manamontsana anareo ho vovoka!

16 Ô engà anie Izy ka hanafaka anareo amin' ity heloka sy fahavetavetana ity. Ary, Ô engà anie ianareo ka hihaino ny tenin' ny didiny sy tsy hamela ity "avonavon' ny fonareo ity handrava ny fanahinareo!

17 Hevero ho toy ny tenanareo ny rahalahinareo, ary mihavàna amin' ny rehetra, ary aoka ianareo ho malala-tànana amin' ny "fanananareo mba hahatonga ^aazy ho mpanan-karena toa anareo.

18 Nefa mialohan' ny hikatsahanareo "harena, dia katsahonareo ny ^bfanjakan' Andriamanitra.

19 Ary rehefa avy nahazo ny fanantenana ao amin' i Kristy ianareo, dia hahazo harena raha hokatsahinareo izany; ary ianareo hikatsaka izany noho ny fikasana "hanao soa—hampitafy ny mitanjaka sy hamahana ny noana sy hanafaka ny babo ary hitondra fanampiana ho an' ny marary sy ny ory.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, efa niresaka taminareo ny momba ny avonavona aho; ary ny sasany taminareo izay efa nampahory ny namanareo sy

nanenjika azy noho ianareo niavonavona tao am-ponareo noho ny zavatra izay efa nomen' Andriamanitra anareo, inona no lazainareo ny amin' izany?

21 Moa tsy heverinareo va fa ny zavatra toy izany dia fahavetavetana amin' Ilay nahary ny nofo rehetra? Ary ny mananaina aina iray dia sarobidy eo imasony tahaka ny iray hafa. Ary ny nofo rehetra dia avy amin' ny vovoka; ary ho amin' ny tanjona mitovy ihany no efa nahariana azy, dia ny hitandremany ny "didiny sy ny hankalazany Azy mandrakizay.

22 Ary ankehitriny aho dia mararana ny firesahana aminareo ny momba ity avonavona ity. Ary raha tsy noho ny tsy maintsy iresahako aminareo ny momba ny heloka iray makadiry kokoa, dia ho nifaly fatratra tokoa noho ny aminareo ny foko.

23 Nefa ny tenin' Andriamanitra dia manavesatra ahy noho ny helokareo makadiry kokoa. Fa indro, izao no lazain' ny Tompo: Ity vahoaka ity dia manomboka mihamitombo ao amin' ny heloka; tsy takany ny soratra masina, fa tadiaviny kosa ny hanala tsiny ny tenany amin' ny fanaovany fijangajangana, noho ny zavatra izay efa nosoratana momba an' i Davida sy i Solomona zanany lahy.

24 Indro, marina tokoa fa i Davida sy i "Solomona dia nana-

16a TSM Fiavonavonana.

17a TSM Fiantrana; Asa
Fanasoavana.

^b 4 Ne. 1:3.

18a 1 Mpan. 3:11-13;

Mar. 10:17-27;

2 Ne. 26:31;

F&F 6:7.

TSM Harena.

^b Lio. 12:22-31.

19a Môsià 4:26.

21a F&F 11:20;

Abr. 3:25-26.

24a 1 Mpan. 11:1;

Neh. 13:25-27.

na ^bvady sy vaditsindrano maro, izay zavatra fahavetavetana eo anoloako, hoy ny Tompo.

25 Noho izany, izao no lazain' ny Tompo, Izaho efa nitondra ity vahoaka ity nivoaka ny tanin' i Jerosalema, tamin' ny herin' ny sandriko mba hahazoako manangana sampana "marina ho Ahy avy amin' ny naloaky ny kibon' i Josefa.

26 Koa, Izaho Tompo Andriamanitra dia tsy hamela ity vahoaka ity hanao tahaka ireo teo aloha.

27 Koa, mihainoa ahy ry rahalahiko, ka tandremo ny tenin' ny Tompo: Fa tsy hisy lehilahy eo aminareo izay hanana vady mihoatra ny "iray; ary ny vaditsindrano dia tsy hanana izy;

28 Fa Izaho Tompo Andriamanitra, dia finaritra amin' ny "fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy. Ary ny fijangajangana dia fahavetavetana eo anoloako; izany no lazain' ny Tompon' ny Maro.

29 Noho izany, ity vahoaka ity dia hitandrana ny didiko, hoy ny Tompon' ny Maro, fandrao dia ho "voaozona noho ny aminy ny tany.

30 Fa raha sitrako, hoy ny Tompon' ny Maro, ny hanangana "taranaka iray ho Ahy, dia handidy ny oloko Aho; fa raha tsy izany kosa dia hitandrana ireo zavatra ireo izy.

31 Fa indro, Izaho Tompo dia efa nahita ny alahelo sy nandre ny fitomanian' ny zanakavavin' ny oloko tany an-tanin' i Jerosalema, eny, sy tamin' ny tany rehetra an' ny oloko, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny vadiny.

32 Ary Izaho tsy hamela, hoy ny Tompon' ny Maro, ny fitarainan' ny zanakavavy kanton' ity vahoaka ity, izay efa nentiko niala ny tanin' i Jerosalema, hiakatra aty Amiko hiampanga ny lehilahin' ny vahoakako, hoy ny Tompon' ny Maro.

33 Fa tsy hoentiny ho babo ny zanakavavin' ny oloko noho ny halemam-panahiny, fandrao dia hamaly azy amin' ny ozona mahatsiravina Aho, na dia ho famongorana aza; koa tsy hanao "fijangajangana toy ireo tamin' ny fahiny izy, hoy ny Tompon' ny Maro.

34 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko, ianareo mahalala fa ireo didy ireo dia nomena an' i Lehia raintsika; koa, efa fantatreo ireo taloha; ary efa tonga amin' ny fanamelohana lehibe ianareo; satria efa nataonareo ny zavatra izay tsy tokony ho nataonareo.

35 Indro, efa nahavita "heloka lehibe kokoa noho ny Lamanita rahalahintsika ianareo. Efa novakianareo ny fon' ny vadinareo malemy paika ary narianareo

24b 1 Mpan. 11:1-3;

Ezra 9:1-2;

F&F 132:38-39.

25a Gen. 49:22-26;

Amo. 5:15;

2 Ne. 3:5;

Almà 26:36.

TSM Lehia, Rain' i Nefia.

27a F&F 42:22; 49:16.

TSM Fanambadiana.

28a TSM Fahadiovam-pitondrantena.

29a Etera 2:8-12.

30a Mal. 2:15;

F&F 132:61-66.

33a TSM Manarana ny

Filan' ny Nofo;

Fitondrantena

Maloto.

35a Jakôba 3:5-7.

ny fitokian' ny zanakareo, noho ny ohatrareo ratsy teo anatrehan' ny; ary ny fitolokon' ny fony dia miakatra any amin' Andriamanitra miampanga anareo. Ary noho ny mahahenjana ny tenin' Andriamanitra, izay midina eo aminareo sady miampanga anareo, dia fo maro no maty voatrobaky ny ratra lalina.

TOKO 3

Nandray ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra ny madio am-po —Nihoatra ny an' ny Nefita ny fahamarinan' ny Lamanita—Nampitandrina tamin' ny fijangajangana, ny faharatsiam-pitondran-tena ary ny fahotana rehetra i Jakôba. Toko-ny ho 544-421 talohan' i J.K.

NEFA indro, izaho Jakôba dia te hiresaka aminareo izay madio am-po. Miandrandra an' Andriamanitra amin' ny fiorenan' ny sainareo ary mivavaha Aminy amin' ny finoana fatratra, ary hampiononiny amin' ny fahorianareo ianareo, ary harovany ny tombontsoanareo, ary hampidininy amin' ireo izay mitady handrava anareo ny famaliana.

2 Ô, ianareo rehetra izay madio am-po, andrandrao ny lohana-reo ary raiso ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra ary mivokisa amin' ny fitiavany; fa azonareo atao mandrakizay izany, raha "mitombina ny sainareo.

3 Nefa loza, lozanareo izay tsy madio am-po, izay "maloto amin'

ity andro ity eo anoloan' Andriamanitra; fa raha tsy mibebaka ianareo dia ho^bvoaozona ny tany noho ny aminareo; ary ny Lamanita, izay tsy maloto toa anareo, kanefa voaozona amin' ny ozona mahatsiravina, no hikoravasy anareo na dia hatrany amin' ny famongorana aza.

4 Ary avy faingana tokoa ny fotoana, ka raha tsy mibebaka ianareo, dia izy no hizaka ny tany lovanareo ary ny Tompo Andriamanitra no "hitondra ny marina hiala avy eo anivonareo.

5 Indro, ny Lamanita, rahalahinareo, izay ankahalainareo noho ny fahalotoany sy ny ozona izay efa nihatra tamin' ny volon-kodiny, dia marina kokoa noho ianareo; fa tsy "nohadinoany ny didin' ny Tompo, izay nomeny ny razantsika—dia ny tsy tokony hananany afa-tsy vady iray, sy ny tsy tokony hananany vadi-tsindrano ary ny tsy tokony hisian' ny fijangajangana eo anivony.

6 Ary ankehitriny, izany didy izany no niezahany hotandremana; koa, noho izany fiezahana ny hitandrina io didy io izany, ny Tompo Andriamanitra dia tsy hamongotra azy, fa ho "feno famindram-po aminy kosa; ary indray andro any, dia ho tonga vahoaka voatahy izy.

7 Indro, ny lahy "tia ny vadiny, ary ny vavy tia ny vadiny; ary samy tia ny zanany na ny lahy na ny vavy; ary ny tsy finoany sy ny fankahalany anareo dia

3 2a Almà 57:26-27.
3a TSM Fahalotoana.
b 1 Ne. 12:23.

4a Ômnia 1:5-7, 12-13.
5a Jakôba 2:35.
6a 2 Ne. 4:3, 6-7;

Hel. 15:10-13.
7a TSM Fianakaviana;
Fitiavana.

noho ny heloky ny razany; noho izany, toa inona no mahatsara anareo bebe kokoa mihoatra aminy eo imason' Ilay Mpahary lehibe anareo?

8 Ry rahalahiko, matahotra aho fa raha tsy mibebaka amin' ny fahotana-areo ianareo, ny fihodirany dia hanjary fotsy kokoa noho ny anareo, rehefa hoentina miaraka aminy eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra ianareo.

9 Noho izany, didy iray no omeko anareo, izay tenin' Andriamanitra, dia ny tsy hanaratsianareo azy intsony noho ny mahamatroka ny fihodirany; ary ny tsy hanaratsianareo azy koa noho ny fahalotoany; fa ho-tsaroanareo kosa ny fahalotoanareo, ary tsarovy fa ny fahalotoany dia avy tamin' ny razany.

10 Noho izany, ianareo dia hatsiaro ny "zanakareo sy ny fomba izay efa nampahalalohovanareo ny fony noho ny ohatra nasehonareo teo anoloany; ary koa, tsarovy fa, noho ny fahalotoanareo, ianareo dia mety hitondra ny zanakareo any amin' ny famongorana ary ny fahotany dia havangongo eo ambony lohanareo amin' ny andro farany.

11 Ry rahalahiko, mihainoa ny teniko; fohazy ny faharanitan' ny fanahinareo; hontsony ny tenanareo mba "hahataitra anareo amin' ny torimason' ny fahafatesana; ary vahao ny tenanareo ho afaka amin' ny fangirifiriran'

ny "helo mba tsy hahatonga anareo ho "anjin' ny devoly ka hatsipy any amin' ny farihy afo sy solifara izay "fahafatesana faharoa.

12 Ary ankehitriny, izaho Jakôba dia niresaka zavatra maro sy misimisy kokoa tamin' ny olon' i Nefia, nampitandrina azy tamin' ny "fijangajangana sy ny "faharatsiam-pitondran-tena ary ny karazany rehetra tamin' ny fahotana, nilaza taminy ny vokatran' mahatsiravina aterak' ireny.

13 Ary ny iray am-pahazaton' ny fanaon' ity vahoaka ity, izay nanomboka ho nihamaro ankehitriny, dia tsy hay soratana amin' "ireto takelaka ireto; fa maro kosa amin' ny fanaony mbamin' ny adiny sy ny fifandirany ary ny fitondran' ny mpanjakany no voasoratra amin' ireo takelaka lehibe kokoa.

14 Ireto takelaka ireto dia antsoina hoe ny takelak' i Jakôba; ary ireto dia nataon' ny tanan i Nefia. Ary dia mamarana ny filazana ireo teny ireo aho.

TOKO 4

Nidera ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy ny mpaminany rehetra — Ny fanateran' i Abrahama an' i Isa-ka dia tandidon' Andriamanitra sy ny Zanany Lahitokana — Tokony hihavana amin' Andriamanitra ny olona amin' ny alalan' ny sorompanavotana — Hotsipahin' ny Jiosy ny

10a TSM Zanaka.

11a Almà 5:6-9.

b TSM Helo.

d 2 Ne. 9:8-9.

e TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

12a TSM Fijangajangana.

b TSM Mitsiriritra;

Faharatsiana.

13a 1 Ne. 19:1-4;

Jakôba 1:1-4.

vato fehizoro. Tokony ho 544-421 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY indro, ny zavanimitranga dia izaho Jakôba, rehefa avy nampianatra betsaka ny oloko tamin' ny teny, (ary tsy afaka manoratra afa-tsy ny teniko vitsivitsy aho, noho ny mahasarotra ny misokitra ny teninay eo amin' ny takelaka) dia fantatray fa ny zavatra izay soratanay eo amin' ny takelaka dia tsy maintsy mitoetra;

2 Nefa na inona na inona zavatra soratanay eo amin' ny zavatra hafa fa tsy eo amin' ny takelaka, dia tsy maintsy ho levona sy ho foana; nefa izahay dia afaka manoratra teny vitsivitsy eo amin' ny takelaka izay hanome ny zanakay ary koa ny rahalahy malalanay ampaham-pahalalana kely momba anay, na momba ny razambeny —

3 Ankehitriny izany zavatra izany no mahafaly anay; ary miasa amim-pahazotoana tokoa izahay mba hisokitra ireo teny ireo eo amin' ny takelaka ka manantena fa ny rahalahy malalanay sy ny zanakay dia handray azy ireny amin' ny fo feno fisaorana ary hiandrandra azy ireny mba hahazoany mianatra amim-pifaliana fa tsy amin' alahelo na amin' ny fanarabiana ny momba ny ray aman-dreniny voalohany.

4 Satria noho izany fikasana

izany no efa nanoratanay ireto zavatra ireto dia ny hahazonny mahafantatra fa izahay dia "nahalala ny amin' i Kristy, ary nanananay ny fanantenana ny voninahiny, taon-jato maro talohan' ny fiaviany; ary tsy izahay ihany no nanana ny fanantenana ny voninahiny fa ny ^bmpaminany masina rehetra koa izay talohanay.

5 Indro, nino an' i Kristy izy ireny sy "nidera ny Ray tamin' ny Anarany, ary izahay koa dia midera ny Ray amin' ny Anarany. Ary noho izany fikasana izany no itandremanay ny ^blalàn' i Mosesy, izay "mampitodika ny fanahinay Aminy; ary noho izany antony izany, dia hamasinina ho anay izany ho fahamarinana, dia tahaka ny nanisana ho fahamarinana ho an' i Abrahamana ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra, tany an-tany foana tamin' ny fanaterany an' i Isaka zanany lahy, izay tandindon' Andriamanitra sy ny Zanany "Lahitokana.

6 Koa, manadihady ny mpaminany ary manana fanambarana maro sy ny fanahin' ny "faminaniana izahay; ary satria manana ireo ^bvavolombelona rehetra ireo izahay dia manjary mahazo fanantenana, ary ny finoanay dia tsy voahozongozona, hany ka afaka "mibaiko marina tokoa amin' ny "anaran' i Jesoa izahay, ka na dia ny hazo aza, na ny

4 4a TSM Jesoa Kristy.
b Lio. 24:25-27;
Jakôba 7:11;
Môsià 13:33-35;
F&F 20:26.
5a Mos. 5:8.

b 2 Ne. 25:24; Jarôma
1:11; Môsià 13:27, 30;
Almà 25:15-16.
TSM Lalàn' i Mosesy.
d Gal. 3:24.
e Gen. 22:1-14;

Jao. 3:16-18.
TSM Lahitokana.
6a TSM Faminaniana.
b TSM Vavolombelona.
d TSM Hery.
e Asa 3:6-16; 3 Ne. 8:1.

tendrombohitra na ny onjan-dra-nomasina dia mankatò anay.

7 Kanefa, ny Tompo Andriamanitra dia mampiseho aminay ny “fahalemenay mba hahalalanay fa noho ny fahasoavany sy ny fiambaniany lehibe ho an’ ny zanak’ olombelona no anananay fahefana hanao ireny zavatra ireny.

8 Indro, lehibe sy mahatalanjona ny asan’ ny Tompo. Endrey “tsy hita hotakarina ny halalin’ ny ^bmistery momba Azy; sady tsy vitan’ ny olona ny hahita ny lalany rehetra. Ary tsy misy olona ^dmahafantatra ny ^elalany raha tsy ambara azy izany; noho izany, ry rahalahy, aza manao tsinontsinona ny fanambaran’ Andriamanitra.

9 Fa indro, tamin’ ny herin’ ny “teniny dia tonga teto ambonin’ ny tany ny ^bolona, dia ny tany izay nohariana tamin’ ny herin’ ny teniny. Koa, noho Andriamanitra afaka niteny dia nisy izao tontolo izao, ary niteny dia ary ny olona, ô amin’ izany, ô nahoana Izy no tsy ho afaka hibaiko ny ^dtany, na ny asan’ ny tanany manerana izany, araka ny sitrapony sy ny safidiny?

10 Noho izany, ry rahalahy, aza mikatsaka ny “hanoro hevitra ny Tompo fa ny handray kosa to-

rohevitra eo an-tànany. Fa indro, fantatry ny tenanareo fa mitantana ny asany rehetra Izy araka ny ^bfahendrena sy ny hitsiny ary ny famindram-po lehibe.

11 Noho izany, ry rahalahy malala, mihavàna Aminy amin’ ny alalan’ ny “sorompanavotan’ i Kristy, Zanany ^bLahitokana, dia ho azonareo raisina ny ^dfitsanganana amin’ ny maty araka ny herin’ ny fananganana amin’ ny maty izay ao amin’ i Kristy, ka hanolorana anareo ho an’ Andriamanitra ho toy ny “voaloham-bokatr’ i Kristy, rehefa nanam-pinoana sy nahazo ny fanantenana tsara ny voninahitra ao Aminy ianareo, talohan’ ny hanehoany ny tenany ao amin’ ny nofo.

12 Ary ankehitriny, ry malala, aza gaga amin’ ny ilazako aminareo ireo zavatra ireo; fa nahoana no tsy “iresaka ny momba ny sorompanavotan’ i Kristy, ka tsy ho takatra ny fahalalana to-mombana ny Aminy, toy ny hahatakarana ny fahalalana ny amin’ ny fitsanganana amin’ ny maty sy ny tontolo ho avy?

13 Indro, ry rahalahiko, izay maminany, aoka izy haminany araka ny fahazoan’ ny olona; fa milaza ny marina ny “Fanahy ary tsy mandainga. Noho iza-

7a Etera 12:27.

8a Roma. 11:33-36.

b F&F 19:10; 76:114.

tsm Misterin’

Andriamanitra.

d 2 Tan. 2:9-16;

Almà 26:21-22.

tsm Fahalalana.

e Isa. 55:8-9.

9a Môrm. 9:17;

Mos. 1:32.

b tsm Fahariana; Olona.

d Hel. 12:8-17.

10a 2 Ne. 9:28-29;

Almà 37:12, 37;

F&F 3:4, 13.

b tsm Heni-pahalalana; Fahendrena.

11a tsm Sorompanavotana.

b Heb. 5:9.

d tsm Fitsanganana amin’ ny Maty.

e Môsià 15:21-23; 18:9; Almà 40:16-21.

12a 2 Ne. 25:26.

13a tsm Fanahy Masina; Fahamarinana.

ny, izy dia milaza ny amin' ny zavatra araka ny ^btena toetrany sy ny amin' ny zavatra araka ny ho tena toetrany; noho izany, ireo zavatra ireo dia aseho antsika ^amazava tsara ho famonjena ny fanahintsika. Nefa indro fa tsy isika irery no vavolombelon' ireo zavatra ireo; fa nolazain' Andriamanitra koa tamin' ny mpaminany fahiny izy ireny.

14 Nefa indro, olona ^amafy hatoka ny Jiosy; ary ^bnohamavoiny ny tenin' ny fahatsorana ary novonoiny ny mpaminany, ary zavatra tsy mety ho azony no nokatsahiny. Koa, noho ny ^afahajambany izay fahajambana avy amin' ny fibanjinana ny any ivelan' ny tanjona, dia tsy maintsy ilaina ny hahalavo azy; fa efa nesorin' Andriamanitra taminy ny fahatsorany ary natolony azy ny zavatra maro izay ^atsy mety ho azony, satria maniry izany izy. Ary satria naniry izany izy, dia notanterahin' Andriamanitra izany mba hahatafintohina azy.

15 Ary ankehitriny, izaho Jakôba dia taomin' ny Fanahy haminany; satria takatro amin' ny fiasan' ny Fanahy izay ato amiko fa noho ny ^afahatafintohinan' ny Jiosy dia ^bholaviny ny ^avato izay hahazoany manorina eo amboniny ary hananany fototra azo antoka.

16 Nefa indro, araka ny soratra

masina, izany ^avato izany dia ho tonga ^bfototra lehibe sy farany ary ny hany azo antoka, izay ahafahan' ny Jiosy manorina eo amboniny.

17 Ary ankehitriny, ry malalako, ahoana moa no ahahafahan' ireo olona ireo, rehefa avy nandà ny fototra azo antoka, ho ^aafa-manorina eo amboniny mba hahatonga izany ho vato fehizorony?

18 Indro, ry rahalahy malalako, hovelabelariko aminareo izany mystery izany; raha tsy mihozongozona na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona ny fiorenako ara-panahy ary tsy tafintohina aho noho ny ahiahiko mihoa-pampana noho ny aminareo.

TOKO 5

Nitatitra ny tenin' i Zenosa mikasi-ka ny fanoharana ny amin' ny hazo oliva voakolokolo sy ny hazo oliva dia i Jakôba — Ireo dia fifanahafana eo amin' i Isiraely sy ny Jentilisa — Voasoritra mialoha ny fielezana sy ny fanangonana an' i Isiraely — Voatsiahy amin' izany ny Nefita sy ny Lamanita ary ny mpianakavin' i Isiraely rehetra — Hatao grefy amin' i Isiraely ny Jentilisa — Hodorana ny tanimboly amin' ny farany. Tokony ho 544–421 talohan' i J.K.

INDRO, ry rahalahiko, moa tsy

13b F&F 93:24.

d Almà 13:23.

14a Mat. 23:37–38;

2 Ne. 25:2.

b 2 Kor. 11:3;

1 Ne. 19:7;

2 Ne. 33:2.

d Isa. 44:18;

Roma. 11:25.

e 2 Ne. 25:1–2.

15a Isa. 8:13–15;

2 Tan. 1:23;

2 Ne. 18:13–15.

b 1 Ne. 10:11.

d TSM Vato Fehizoro;

Vatolampy.

16a Sal. 118:22–23.

b Isa. 28:16;

Hel. 5:12.

17a Mat. 19:30;

F&F 29:30.

tsaroanareo va ny efa namakinareo ny tenin' i "Zenosa mpaminany, izay nolazainy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, manao hoe:

2 Mihainoa ianareo Ry mpianakavin' i Isiraely ary mandrenesa ny teny avy amiko, mpaminanin' ny Tompo.

3 Fa indro, izao no lazain' ny Tompo, Izaho hampitovy anao, Ry mpianakavin' i "Isiraely ô, amin' ny hazo oliva voakoloko, izay nalain' ny olona iray ary nokolokoiny tao an-tanimboliny; dia nitombo izy ary niantitra sy nanomboka ho simba.

4 Ary ny zava-nitranga dia nivoaka ny tompon' ny tanimboly ary nahita fa ny hazo oliva dia nanomboka ho simba; ary hoy izy: Horantsanako izy sy hohevoiko ary hokolokoloiko, fa angamba mba mety hamoa rantsana tanora sy malemitemy izy ary tsy ho faty.

5 Ary ny zava-nitranga dia norantsanany izy ary nohevoiny sy nokolokoiny araka ny teniny.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro maromaro, dia nanomboka namoa rantsana madinika tanora sy malemitemy vitsivitsy izy; kanefa indro, nanomboka ho faty ny tendrony indrindra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nahita izany ny tompon' ny tanimboly, ary hoy izy tamin' ny mpanompony: Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity; noho

izany, mandehana manapaka rantsana amin' ny hazo oliva dia ka ento aty amiko izany; ary hanapaka ireo rantsana fototra ireo izay manomboka malazo isika, sy hanipy azy any anaty afo mba hodorana izy.

8 Ary indro, hoy ny Tompon' ny tanimboly, esoriko ny maro amin' ireo rantsana tanora sy malemitemy ireo ary hataoko grefy ireo na aiza na aiza sitrako; ary tsy mampaninona raha toa ka ho faty ny fakan' ity hazo ity, satria afaka mitahiry ny voany ho an' ny tenako aho; noho izany, dia halaiko ireo rantsana tanora sy malemitemy ireo ary hataoko grefy ireo na aiza na aiza sitrako.

9 Alaonao ny rantsan' ny hazo oliva dia ary ataovy grefy ho solony; ary ireo izay efa notapahiko kosa dia hatsipiko any anaty afo sy hodorako mba tsy hahazoany mandrakotra ny faritry ny tanimboliko.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny tenin' ny Tompon' ny tanimboly ny mpanompon' ny Tompon' ny tanimboly ary nanao grefy ny rantsan' ny hazo oliva dia.

11 Ary ny Tompon' ny tanimboly nanao izay hihevoana ny manodidina sy handratsanana ary hokolokoloina azy, ka hoy izy tamin' ny mpanompony: Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity; koa mba hahazoako angamba mitsimbina ny fakany

5 1a TSM Zenôsa.

3a Ezek. 36:8.

TSM Isiraely.

b Roma. 11:17-24.

TSM Hazo Oliva.

d F&F 101:44.

TSM Tanimbolin' ny

Tompo.

e TSM Apôstazia.

7a Roma. 11:17, 24.

9a Roma. 1:13.

10a TSM Jentilisa.

ka tsy hahafaty izany, mba hahazoako mitsimbina izany ho an' ny tenako no efa nanaovako izao zavatra izao.

12 Koa, mandehana; andraso ny hazo ary kolokoloy izy, araka ny teniko.

13 Ary ireto dia "hapetrako any amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly, na aiza na aiza sitrako, tsy ahoanao izany; ary ataoko izany mba hahazoako mitahiry ho ahy ny sampana voajanaharin' ny hazo; ary koa mba hahazoako manangona ny voany ho an' ny tenako ho amin' ny tonon-taona; satria mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity sy ny voany.

14 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ny Tompon' ny tanimboly, ary nanafina ny sampana voajanahary avy tamin' ilay hazo oliva voakolokolo tany amin' ny faritra iva indrindra tamin' ny tanimboly, ny sasany tetsy, ary ny sasany teroa araka ny safidiny sy ny sitrapony.

15 Ary ny zava-nitranga dia fotoana naharitra no lasana ary niteny tamin' ny mpanompony ny Tompon' ny tanimboly hoe: Avia, andeha isika hidina any an-tanimboly mba hahazoantsika miasa ao amin' ny tanimboly.

16 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina tany an-tanimboly ny Tompon' ny tanimboly ary koa ny mpanompony mba hiasa. Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ny tompony ilay mpanompo hoe: Indro, jereo eroa; tazano ilay hazo.

17 Ary ny zava-nitranga dia nijery ny Tompon' ny tanimboly ary nahita ny hazo izay efa nanaovana grefy ny sampan' ny oliva dia; ary efa nandrobona izany sy nanomboka nitondra "voa. Ary nahita izy fa tsara izany; ary ny voany dia nitovy tamin' ny voany voajanahary.

18 Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Indro, ny sampan' ny oliva dia efa nisintona ny hamandoan' ny fakany, hany ka efa nanome hery betsaka ny fakany; ary noho izany hery betsaka avy tamin' ny fakany izany, dia efa namoa voa tsara ny sampany dia. Ankehitriny, raha tsy nataontsika grefy ireo sampana ireo dia mety ho efa maty ilay hazo. Ary ankehitriny, indro hanangona voa betsaka izay efa novokarin' ilay hazo aho; ary ny voany dia hangoniko ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany.

19 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo ny Tompon' ny tanimboly hoe: Avia, andeha isika hankany amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly ary hijery raha toa ny sampana voajanaharin' ny hazo efa nitondra voany betsaka ary koa mba hahazoako manangona ny voany ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo nankany amin' izay efa nanafenan' ny tompo ny sampana voajanaharin' ny hazo, ary hoy izy tamin' ilay

mpanompo: Tazano ireroa; ary izy dia nahita ny "voalohany izay efa nanome voa betsaka; ary nahita koa izy fa tsara izany. Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Alaivo ny voany ary angony ho amin' ny tonon-taona mba hahazoako mitahiry izany ho an' ny tenako ihany; satria indro, hoy izy, izay fotoana ela izay no efa nikolokoloiko azy, ary dia efa nanome voa betsaka izy.

21 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony: Ahoana no nahatonga anao taty-namboly ity hazo ity, na ity sampan-kazo ity? Fa indro, ity no faritra tsy mahavokatra indrindra amin' ny tany rehetra amin' ny tanimbolinao.

22 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly taminy: Aza toroinao hevitra aho; fantatro fa ity no faritra tsy mahavokatra amin' ny tany; izany no nilazako taminao hoe efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary hitanao fa efa nitondra voa betsaka izy.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ny mpanompony ny Tompon' ny tanimboly hoe: Jereo irony; indro efa namboly sampana iray hafa tamin' ilay hazo koa aho; ary ianao mahalala fa ity faritry ny tany ity dia kotra kokoa noho ilay voalohany. Nefa, tazano ny hazo. Efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary dia nitondra voa betsaka izy; koa otazo izany sy angony ho amin'

ny tonon-taona mba hahazoako mitahiry izany ho an' ny tenako ihany.

24 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo indray ny Tompon' ny tanimboly hoe: Jereo iroa, ary tazano ny "sampana iray hafa koa, izay efa namboleko; indro efa nikolokolo azy koa aho, ary efa nitondra voa izy.

25 Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Jereo iroa ary tazano ity farany. Indro, ity no namboleko teo tamin' ny "faritra tsara amin' ny tany; ary efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary ny "ampahany ihany tamin' ny hazo no nitondra voa tsara ary ny ampahany hafa kosa tamin' ny hazo dia efa nitondra voa ratsy; indro, efa nikolokolo ity hazo ity toy ny hafa aho.

26 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo ny Tompon' ny tanimboly hoe: Tapaho ny sampana izay tsy nitondra "voa tsara ary atsipazo any anaty afo.

27 Nefa indro, niteny taminy ilay mpanompo hoe: Aoka horantsanantsika izy sy hohevointsika ary hokolokolointsika maharitraritra fa angamba mba mety hitondra voa tsara ho anao izy ka hahazoanao manangona izany ho amin' ny tonon-taona.

28 Ary ny zava-nitranga dia nokolokoloin' ny Tompon' ny tanimboly sy ny mpanompon' ny Tompon' ny tanimboly ny voa rehetra tamin' ny tanimboly.

20a Jakôba 5:39.
24a Ezek. 17:22-24;
Almà 16:17;

3 Ne. 15:21-24.
25a 1 Ne. 2:20.
b 3 Ne. 10:12-13.

26a Mat. 7:15-20;
Almà 5:36;
F&F 97:7.

29 Ary ny zava-nitranga dia fotoana maharitra no efa lasana ary ny Tompon' ny tanimboly dia niteny tamin' ny "mpanompony hoe: Avia, andeha isika hidina any an-tanimboly, hahazoantsika miasa indray ao amin' ny tanimboly. Fa indro, manakaiky ny ^bfotoana ary avy tsy ho ela ny ^dfarany; noho izany aho dia tsy maintsy manangona voa ho an' ny tenako ho amin' ny tonon-taona.

30 Ary ny zava-nitranga dia nidina tany an-tanimboly ny Tompon' ny tanimboly sy ilay mpanompo; ary izy ireo dia tonga teo amin' ilay hazo izay efa notapahina ny rantsany voajanahary ary efa nanaovana grefy ireo sampana dia; ary indro ny "karazam-boa rehetra dia nandrakotra ny hazo.

31 Ary ny zava-nitranga, ny Tompon' ny tanimboly dia nandranana tamin' ny voa, ny karazany avy araka ny isany. Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly: Indro, izay fotoana ela izay no efa nikolokolointsika izy hazo ity, ary efa nanangona voa betsaka ho an' ny tenako aho ho amin' ny tonon-taona.

32 Nefa indro, tamin' ity indray maka ity izy dia nanome voa betsaka, ary "tsy misy iray mba tsara aminy. Ary indro, misy ny karazana voa ratsy rehetra; ary tsy mahaso ahy na amin' inona na amin' inona izy, na dia teo aza ny asantsika rehetra; ary

ankehitryny mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity.

33 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo: Inona no hataontsika amin' ny hazo mba hahazoako mitsimbina indray ny voa tsara ho an' ny tenako?

34 Ary hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony: Indro, satria efa nataonao grefy ny sampan' ny hazo oliva dia, dia efa namahana ny fakany izany, hany ka velona izany, ary tsy maty; noho izany dia hitanao fa mbola tsara.

35 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny mpanompony: Tsy mahaso ahy na amin' inona na amin' inona ny hazo ary tsy mahaso ahy na amin' inona na amin' inona ny fakany raha mbolahitondra voa ratsy izany.

36 Kanefa, fantatro fa tsara ireo fakany, ary araka ny fikasako no efa nitsimbiniho azy ireo; ary noho ny heriny be, dia efa nitondra voa tsara avy tamin' ny sampana dia izy ireo hatramin' izao.

37 Nefa indro, efa nitombo ny sampana dia, ary efa "nanafotra ny fakany; ary noho ny sampana dia efa nihoatra ny fakany dia nitondra voa ratsy betsaka izy; ary noho izy efa nitondra voa ratsy be loatra dia hitanao fa manomboka ho faty izy, ary tsy ho ela izy dia hanjary lò mba hahazoana manipy azy any anaty afo, raha tsy manao na inona na inona isika hitsimbina azy.

38 Ary ny zava-nitranga dia

29a F&F 101:55; 103:21.
b TSM Andro Farany.
d 2 Ne. 30:10;

Jakôba 6:2.
30a TSM Apôstazia.
32a JS—T 1:19.

37a F&F 45:28–30.

hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny mpanompony hoe: Andeha isika hidina any amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly ary hijery raha toa ka efa nitondra voa ratsy ihany koa ireo sampany voajanahary.

39 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina tany amin' ny faritra iva indrindra tamin' ny tanimboly izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia hitany fa efa niharatsy koa ny voan' ny sampana voajanahary; eny na ny "voalohany, na ny faharoa, na koa ny farany; ary efa niharatsy izy rehetra.

40 Ary ny "voa ratsy tamin' ilay farany dia efa nihoatra ny ampahany tamin' ny hazo izay nitondra voa tsara, hany ka nalazo ary maty ilay sampana.

41 Ary ny zava-nitranga dia nitomany ny Tompon' ny tanimboly ary niteny tamin' ilay mpanompo hoe: "Inona no mety ho azoko natao bebe kokoa ho an' ny tanimboliko?

42 Indro, fantatro fa efa niharatsy ny voa rehetra tao amin' ny tanimboly, afa-tsy ireto. Ary ankehitriny, ireto izay nitondra voa tsara fahiny ireto dia efa niharatsy koa; ary ankehitriny ny hazo rehetra ao amin' ny tanimboly dia tsy misy mahatsara azy ireo afa-tsy ny hokapaina sy hatsipy any anaty afo.

43 Ary jereo ity farany ity izay efa nalazo ny sampany, dia namboleko teo amin' ny "faritra tsara

tamin' ny tany; eny, dia izay nofinidy indrindra ho ahy noho ny faritra hafa rehetra amin' ny tanin' ny tanimboliko.

44 Ary hitanao fa nokapaiko koa izay "nandrakotra ity fari-try ny tany ity mba hahazoako mamboly ity hazo ity ho solony.

45 Ary hitanao fa nitondra voa tsara ny ampahany taminy ary nitondra voa ratsy ny ampahany iray taminy; ary satria tsy nongotako ny sampany ary tsy natsipiko tany anaty afo, dia indro, fa rakotr' ireny ny sampana tsara ka tonga nalazo.

46 Ary ankehitriny, indro na dia teo aza ny fikarakarana rehetra izay efa nataontsika tamin' ny tanimboliko, dia efa niharatsy ny hazo taminy ka tsy mitondra voa tsara; ary ireto no efa nantenaiko hotsimbinina mba hanangonako ny voany ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany. Nefa, indro, efa tonga tahaka ilay hazo oliva dia izy ireo, ary tsy misy ilana azy ireo afa-tsy ny "hokapaina sy hatsipy any anaty afo; ary mampahory ahy ny hamoizako azy ireo.

47 Nefa inona no mety ho azoko natao bebe kokoa tao amin' ny tanimboliko? Efa niraviravy tanana va aho ka tsy nikolokolo azy? Tsia, efa nikolokolo azy aho ary efa nihevo azy sy efa nandratsana azy ary efa nanisy zezika azy; ary efa "naninjitra ny tanako aho saiky nandritra ny manontolo andro, ary manakai-

39a Jakôba 5:20, 23, 25.

40a Môrm. 6:6-18.

41a 2 Ne. 26:24.

43a 2 Ne. 1:5.

44a Etera 13:20-21.

46a 3 Ne. 27:11.

47a 2 Ne. 28:32;

Jakôba 6:4.

ky ny ^bfarany. Ary mampahory ahy ny tokony hikapako ny hazo rehetra amin' ny tanimboliko ary hanipazako azy ireny any anaty afo mba hodorana. Iza no ilay izay efa nanimba ny tanimboliko?

48 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony hoe: Moa va tsy ny haavon' ny tanimbolinao—moa va ny sampana taminy tsy efa nihoatra ny fakany izay tsara? Ary satria efa nihoatra ny fakany ny sampana, dia indro izy ireo fa nitombo haingana kokoa noho ny herin' ny faka ary nandray ny hery ho azy ireo. Indro, hoy aho, tsy izany va no antony nahatonga ny hazon' ny tanimbolinao ho simba?

49 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo hoe: Aoka isika handeha sy hikapa ny hazon' ny tanimboly ary hanipy azy any anaty afo, mba tsy hamenoany ny faritry ny tanimboliko, satria efa nataoko ny zava-drehetra. Inona no mety ho azoko natao bebe kokoa ho an' ny tanimboliko?

50 Nefa indro, hoy ilay mpanompo tamin' ny Tompon' ny tanimboly: Tsimbino izy mandritra ny ^afotoana fohy.

51 Ary hoy ny Tompo: Eny, hi-tsimbina azy Aho mandritra ny fotoana fohy, fa mampahory ahy ny hamoizako ny hazo amin' ny tanimboliko.

52 Noho izany, dia aoka isika

haka ny ^asampan' ireo izay efa namboleko tany amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboliko ireo, ary aoka hataontsika grefy amin' ny hazo izay nihaviany izy ireny; ary aoka isika hanapaka hiala amin' ny hazo ireo sampana ireo izay tena mangidy ny voany ary hanao grefy kosa ny sampana voajanaharin' ilay hazo ho solony.

53 Ary izany no hataoko dia ny mba tsy hahafaty ny hazo, fa angamba mba ho azoko tehirizina ho an' ny tenako ny fakany araka ny fikasako.

54 Ary, indro, ny fakan' ny sampana voajanaharin' ilay hazo izay namboleko tany amin' izay rehetra sitrako dia mbola velona; noho izany, mba hahazoako mitahiry azy koa araka ny fikasako, dia haka amin' ny sampan' ity hazo ity aho, ary hataoko ^agrefy aminy izy. Eny, hataoko grefy aminy ny sampan' ny renin-kazo mba hahazoako mitahiry koa ny fakany ho an' ny tenako, ka rehefa ampy azy ny heriny dia angamba mba mety hitondra voa tsara ho ahy izy, ary mba hahazoako mbola mirehareha amin' ny voan' ny tanimboliko.

55 Ary ny zava-nitranga dia nakany tamin' ilay hazo voajanahary izay efa lasa dia ary nataony grefy tamin' ireo hazo voajanahary izay efa lasa dia ihany koa.

56 Ary nakany koa tamin' ireo hazo voajanahary izay efa lasa

47b TSM Izao Tontolo
Izao—Faran' ny tany.
50a Jakôba 5:27.

52a TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

54a 1 Ne. 15:12–16.

dia, ary nataony grefy tamin' ny renin-kazo.

57 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo hoe: Aza ongotana hiala amin' ireo hazo ny sampana dia, afa-tsy ireo izay tena mangidy; ary aminy no hanaovanao grefy, araka izay efa nolazaiko.

58 Ary hokolokolointsika indray ny hazon' ny tanimboly ary horantsanantsika ny sampany; ary hongotantsika hiala amin' ireo hazo ireo ny sampana izay efa lò, izay tsy maintsy ho faty ary hatsipy any anaty afo.

59 Ary izany no ataoko dia angamba mba mety hahazo hery ny fakany noho ny hatsarany; ary noho ny fiovan' ny sampana mba hahazoan' ny tsara mandresy ny ratsy.

60 Ary satria efa nitsimbina ny sampana voajanahary sy ny fakany aho ary efa nanao grefy ny sampany voajanahary indray tamin' ilay renin-kazo, ary efa nitsimbina ny fakan' ilay renin-kazo dia angamba mba mety hitondra “voa tsara indray ny hazo ao amin' ny tanimboliko; ary mba mety hanam-pifaliana indray aho amin' ny voa avy amin' ny tanimboliko, ary angamba mba mety hanana fifaliana izaitsizy tokoa aho fa efa nahatahiry ny fakany sy ny sampan' ny voaloham-bokatra —

61 Noho izany, mandehana ary antsoy ireo “mpanompo mba hahazoantsika ^bmiasa amin' ny zotom-po tokoa sy amin' ny he-

rintsika ao amin' ny tanimboly, mba hahazoantsika manomana ny lalana, ka hahazoako mamoa voa tsara indray, dia voa tsara izay soa sy sarobidy indrindra noho ireo voa hafa rehetra.

62 Koa aoka isika handeha sy hiasa amin' ny herintsika amin' izao fotoana farany izao, fa indro manakaiky ny farany, ary izao no fotoana farany izay handrantsanako ny tanimboliko.

63 Ataovy grefy ny sampana; atomboy amin' ny “farany mba ho voalohany izy, ary ny voalohany mba ho farany, ary hevoy ireo hazo, na antitra na tanora, ny voalohany sy ny farany; ary ny farany sy ny voalohany ka ho azo kolokoloina indray mandeha indray sady farany izy rehetra.

64 Koa, hevoy izy, rantsano izy, asio zezika indray mandeha sady farany izy, fa manakaiky ny farany. Ary raha toa ka maniry ireo grefy farany ireo ary mitondra voa tsara, dia omaninareo amin' izany ny lalana ho azy ireo mba hahazoany mitombo.

65 Ary rehefa manomboka maniry izy, dia horantsananareo ny sampana izay mitondra voa mangidy, arakaraka ny tanjaka sy haben' ireo tsara; ary tsy “horantsananareo miaraka ny sampany ratsy, fandrao dia hahery loatra ny fakany ho an' ireo grefy, ary ho faty ny grefy, ary dia hahoiko ny hazo amin' ny tanimboliko.

66 Fa mampahory ahy ny

60a Isa. 27:6.
61a Jakôba 6:2;
F&F 24:19.

b F&F 39:11, 13, 17.
63a 1 Ne. 13:42;
Etera 13:10–12.

65a F&F 86:6–7.

hamoizako ny hazo amin' ny tanimboliko; koa ianareo dia handratsana ny ratsy arakarakana ny fitomboan' ny tsara ka ny fakany sy ny tampony dia mba hitovy hery, mandra-pandresen' ny tsara ny ratsy, ary hotapahina ny ratsy sy hatsipy any anaty afo mba tsy handrakofany ny faritry ny tanimboliko; ary dia toy izany no hamafako ny ratsy amin' ny tanimboliko.

67 Ary ny sampan' ilay hazo voajanahary dia hataoko grefy indray amin' ilay hazo voajanahary;

68 Ary ny sampan' ilay hazo voajanahary dia hataoko grefy amin' ny sampana voajanaharin' ilay hazo; ary dia toy izany no hitondrako azy ireo miaraka indray mba hamoazany voa tsara ary mba ho iray ihany izy ireo.

69 Ary "hariana ny ratsy, eny, dia any ivelan' ny faritra rehetra amin' ny tanimboliko izany; fa indro, izao indray mandeha izao ihany no handrantsanako ny tanimboliko.

70 Ary ny zava-nitranga dia naniraka ny "mpanompony ny Tompon' ny tanimboly; ary nandeha ilay mpanompo ary nanao araka ny efa nandidian' ny Tompo azy sy nitondra mpanompo hafa; ary ^bvitsy izy ireo.

71 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly taminy: Mandehana ary "miasa ao amin' ny tanimboly amin' ny herinareo. Fa indro, izao no ^bfotoana farany hikolo-

koloiko ny tanimboliko; fa efa akaiky sy antomotra ny farany ary avy faingana tokoa ny tonontaona; ary raha miara-miasa amiko amin' ny herinareo ianareo dia hanam-^dpifaliana amin' ny voa izay hangoniko ho an' ny tenako amin' ny fotoana izay ho avy tsy ho ela.

72 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ary niasa tamin' ny heriny ireo mpanompo; ary niara-niasa taminy koa ny Tompon' ny tanimboly; ary izy ireo dia nankatò ny didin' ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny zava-drehetra.

73 Ary nanomboka nisy voa tsara indray tao amin' ny tanimboly; ary nanomboka naniry sy nandrobona fatratra tokoa ny sampana voajanahary; ary nanomboka nongontana sy nariana kosa ny sampana dia; ary notandrovin' ny fampitoviana ny fakany sy ny tendrony, araka ny tanjany.

74 Ary dia toy izany no niasa-ny tamin' ny zotom-po rehetra, araka ny didin' ny Tompon' ny tanimboly, mandra-panariny ny ratsy tany ivelan' ny tanimboly, ary ny Tompo efa nitsimbina ho an' ny tenany ireo hazo izay efa tonga voa tsara indray; ary izy ireo dia nanjary toy ny "tena iray ihany; ary sahala ireo voany; ary ny Tompon' ny tanimboly dia efa nitahiry ho an' ny tenany ireo voa tsara, izay tena sarobidy ho Azy hatrany am-piandohana.

69a 1 Ne. 22:15-17, 23;
2 Ne. 30:9-10.
70a F&F 101:55; 103:21.
b 1 Ne. 14:12.

71a Mat. 21:28;
Jakôba 6:2-3;
F&F 33:3-4.
b F&F 39:17; 43:28-30.

d F&F 18:10-16.
74a F&F 38:27.

75 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Tompon' ny tanimboly fa tsara ny voany ary tsy simba intsony ny tanimboliny, dia nantsoiny ny mpanompony, ary hoy izy taminy: Indro, izao no nikolokolointsika farany ny tanimboliko; ary hitanareo fa efa nanao araka ny sitrapoko aho; ary efa nitahirany ny tena voa aho mba ho tsara izy dia tahaka azy tany am-piandohana. Ary "hotahiana anie ianareo; fa satria efa nazoto niasa niaraka tamiko tao amin' ny tanimboliko ianareo ary efa nitandrana ny didiko sy efa namoa ho ahy indray ny ^bvoa tsara, hany ka tsy simba intsony ny tanimboliko, ary efa nariana ny ratsy, dia indro fa hiaraka hanana fifaliana amiko noho ny voa avy amin' ny tanimboliko ianareo.

76 Fa indro, mandritra ny "fotoana maharitra no hanangonako ny voa avy amin' ny tanimboliko ho an' ny tenako ihany ho amin' ny tonon-taona, izay avy faingana tokoa; ary izao no nikolokoloiko farany ny tanimboliko sy nandrantsanako azy ary nihevoako azy sy nanasiako azy zezika; koa hanangona voa ho an' ny tenako aho, mandritra ny fotoana maharitra, araka izay efa nolazaiko.

77 Ary raha avy ny fotoana izay hiavian' ny voa ratsy indray ao amin' ny tanimboliko,

dia hataoko amin' izany izay hanangonana ny tsara sy ny ratsy; ary ny tsara dia hotehiriziko ho an' ny tenako ary ny ratsy kosa hariako eo amin' ny toerany ihany. Ary amin' izany dia tonga ny "tonon-taona sy ny farany, ary dia hasaiko ^bdorana amin' ny afo ny tanimboliko.

TOKO 6

Hampody ny Isiraely ny Tompo amin' ny andro farany—Hodorana amin' ny afo izao tontolo izao—Tsy maintsy manara-dia an' i Kristy ny olona mba hisorohana ny farihy afo sy solifara. Tokony ho 544–521 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, indro, ry rahalahiko, satria efa nilaza tamina-reo aho fa haminany, dia indro, izao no faminaniako—fa ny zavatra izay nolazain' ity "Zenosa mpaminany ity ny amin' ny mpianakavin' i Isiraely, tamin' ny nampitahany azy tamin' ny hazo oliva voakolokolo, dia tsy maintsy hitranga marina tokoa.

2 Ary ny andro izay haninjirany ny tanany fanindroany indray mba "hampody ny olony, no andro, eny, no fotoana farany handehanan' ny ^bmpanompon' ny Tompo amin' ny ^dheriny mba "hikolokolo sy handrantsana ny ^ftanimboliny; ary aorian' izany dia ho avy tsy ho ela ny ^gfarany.

75a 1 Ne. 13:37.

^b TSM Isiraely.

76a 1 Ne. 22:24–26.

TSM Arivotaona.

77a Fan. 20:2–10;

F&F 29:22–24;

43:29–33; 88:110–116.

^b TSM Izao Tontolo

Izao—Faran' ny tany.

6 1a Jakôba 5:1.

2a 1 Ne. 22:10–12;

F&F 110:11.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

^b Jakôba 5:61.

^d 1 Ne. 14:14.

^e Jakôba 5:71.

^f TSM Tanimbolin' ny

Tompo.

^g 2 Ne. 30:10.

3 Ary endrey, hotahiana tokoa ireo izay efa niasa tamim-pahazotoana tao amin' ny tanimboliny; ary endrey ho voaozona tokoa ireo izay horoahina hankoe amin' ny toerany ihany! Ary "hodorana amin' ny afo izao tontolo izao.

4 Ary, endrey, feno famindram-po amintsika tokoa ny Andriamanitsika fa mahatsiaro ny mpianakavin' i "Isiraely Izy, na fakany na sampany; ary maninjitra ny ^btanany aminy Izy mandritra ny manontolo andro; ary vahoaka ^dmafy hatoka sy mpamalivaly izy; nefa izay rehetra tsy manamafy ny fony no hovanjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

5 Noho izany, ry rahalahy malalako, dia miangavy anareo amin' ny teny hentitra aho mba hibebaranareo ary hanatona-nareo amin' ny fo feno finiavana sy "hifikiranareo amin' Andriamanitra, toy ny ifikirany aminareo. Ary raha mbola mitolotra aminareo ny ^bsandrin' ny famindram-pony amin' ny fahazavan' ny andro, dia aza manamafy ny fonareo.

6 Eny, anio, raha te hihaino ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo; fa nahoana no te ho "faty ianareo?

7 Fa indro, rehefa avy nofahanana tamin' ny teny soan' An-

driamanitra ianareo nandritra ny manontolo andro, moa va hitondra voa ratsy ianareo ka tsy maintsy "hokapaina ary hatsipy any anaty afo?

8 Indro, hotsipahinareo va ireo teny ireo? Hotsipahinareo va ny tenin' ny mpaminany; ary hotsipahinareo va ny teny rehetra izay efa nolazaina momba an' i Kristy, kanefa maro tokoa no efa niteny momba Azy; ary holavinareo va ny teny soan' i Kristy sy ny herin' Andriamanitra ary ny "fanomezana ny Fanahy Masina, ary hovanoinareo va ny Fanahy Masina, ary hoesoinareo va ny drafitra lehiben' ny fanavotana izay efa nomanina ho anareo?

9 Tsy fantatrareo va fa raha manao ireo zavatra ireo ianareo, dia ny herin' ny fanavotana sy ny fitsanganana amin' ny maty, izay ao amin' i Kristy, no hitondra anareo hijoro amin-kenatra sy "fanamelohana mahatsiravina eo anoloan' ny ^btoeram-pitsaran' Andriamanitra?

10 Ary araka ny herin' ny rariny, fa tsy azo lavina ny "rariny, dia tsy maintsy mandeha mankanamin' ny ^bfarihy afo sy solifara ianareo, izay tsy mety maty ny lelafony ary miakatra mandrakizay mandrakizay ny setrony, dia farihy afo sy solifara izay ^dfijaliana ^etsisy fiafarany.

3a 2 Ne. 27:2;
Jakôba 5:77;
3 Ne. 25:1.

4a 2 Sam. 7:24.
b Jakôba 5:47.
d Môsià 13:29.

5a TSM Firaisan-kina.
b Almà 5:33-34;

3 Ne. 9:14.
6a Ezek. 18:21-23.

7a Almà 5:51-52;
3 Ne. 27:11-12.

8a TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

9a Môsià 15:26.
TSM Heloka.

b TSM Fitsarana
Farany, Ny.

10a TSM Fahamarinana.
b 2 Ne. 28:23.

TSM Helo.

d TSM Fahamelohana.
e F&F 19:10-12.

11 Ô amin' izany, ry rahalahiko malala, mibebaha ianareo ary midira amin' ny "vavahady ety ary mitozoa amin' ny lalana izay tery mandra-pahazoanareo ny fiainana mandrakizay.

12 Ô, mba "hendry; inona no azoko lazaina ankoatra izany?

13 Farany, dia manao veloma anareo aho mandra-pihaonako aminareo eo anoloan' ny toeram-pitsarana mahafinaritra izay an' Andriamanitra, dia toeram-pitsarana izay mamely ny olondratsy amin' ny horohoro sy ny tahotra "mahatsiravina. Amena.

TOKO 7

I Serema dia nandà an' i Kristy, nifanditra tamin' i Jakôba, nitaky famantarana, ary nafaizin' Andriamanitra—Efa nilaza ny amin' i Kristy sy ny sorompanavotany ny mpaminany rehetra—Nandany ny androny toy ny mpirenireny ny Nefita, nateraka tao amin' ny fahasahiranana izy ary nankahalain' ny Lamanita. Tokony ho 544–421 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa lasana ny taona maro, dia nisy lehilahy iray tonga teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, izay i Serema no anarany.

2 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitory teo anivon' ny vahoaka izy ary nolazainy taminy fa tsy hisy i Kristy. Ary notorianty ny zavatra maro izay nanasohaso ny vahoaka; ary iza-ny no nataony dia ny hahazoany

mandrodana ny fotopampianaran' i Kristy.

3 Ary niasa tamim-pahazotoana tokoa izy mba hahazoany mampaniasia ny fon' ny vahoaka, hany ka nampaniasia fo maro izy; ary noho ny fahalalany fa izaho Jakôba dia nanana finoana an' i Kristy izay ho avy, dia notadiaviny fatratra ny fomba hahatongavana atỳ amiko.

4 Ary olo-mahay izy, ka nanana fahalalana tomombana ny momba ny fitenin' ny vahoaka; noho izany izy dia afaka nampiasa fanasohasoana betsaka sy hery be tamin' ny lahateny, araka ny herin' ny devoly.

5 Ary nanana fanantenana izy ny hanozongozona ahy tamin' ny finoana, na dia teo aza ny "fanambarana maro sy ny zavatra maro izay efa hitako momba ireo zavatra ireo; fa efa nahita anjely marina tokoa aho, ary efa nampianatra ahy izy ireny. Ary koa efa nandre ombieny ombieny ny feon' ny Tompo aho niresaka tamiko tamin' ny teny mihitsy; noho izany aho dia tsy azo hozongozonina.

6 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao amiko izy, ary toy izao no noteneniny ahy, nanao hoe: Ry rahalahy Jakôba, efa nitady fatratra ny fomba hahazoako miresaka aminao aho; satria efa reko sy fantatro koa fa ianao dia mivezivezy be, mitory izay antsoinao hoe ny filazantsara na ny fotopampianaran' i Kristy.

7 Ary efa nampaniasia ny maro tamin' ity vahoaka ity ia-

nao, hany ka manova ny lalana marin' Andriamanitra izy ary "tsy mitandrina ny lalàn' i Mosesy izay lalana marina; ary manova ny lalàn' i Mosesy izy ho fiderana an' Ilay lazainao fa ho avy rehefa afaka taon-jato maro. Ary ankehitriny indro, izaho Serema dia milaza aminao fa fanevatevana izany; fa tsy misy olona mahalala ny zavatra toy izany; noho izy ^btsy afaka milaza ny amin' ny zavatra ho avy. Ary dia toy izany no fomba nentin' i Serema nifanditra tamiko.

8 Nefa indro, fa nampirotsaka ny "Fanahiny tao amin' ny fanahiko ny Tompo Andriamanitra, hany ka nampangaihaiziko izy tamin' ny teniny rehetra.

9 Ary hoy aho taminy: Mandà an' i Kristy izay ho avy va ianao? Ary hoy izy: Raha toa ka tokony hisy i Kristy, dia tsy handà Azy aho; nefa fantatro fa tsy misy izany Kristy izany, sady tsy nisy no tsy hisy na oviana na oviana.

10 Ary hoy aho taminy: Mino ny soratra masina va ianao? Ary hoy izy, Eny.

11 Ary hoy aho taminy: Tsy azonao izy raha izany; fa izy dia manambara marina tokoa ny amin' i Kristy. Indro, lazaiko aminao fa tsy nisy mpaminany izay nanoratra na "maminany ka tsy nilaza ny momba an' ity Kristy ity.

12 Ary tsy izay ihany — efa nanehoana izany aho, satria efa nandre sy nahita; ary efa nanehoana izany koa aho tamin' ny "herin' ny Fanahy Masina; noho izany, dia fantatro fa raha tsy misy sorompanavotana atao, dia tsy maintsy ho ^bvery ny olombelona rehetra.

13 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamiko: Anehoy "faman-tarana iray aho amin' io herin' ny Fanahy Masina io, izay aha-fantaranao zavatra betsaka.

14 Ary hoy aho taminy: Inona moa aho no haka fanahy an' Andriamanitra mba haneho aminao famantarana iray ny amin' ny zavatra izay fantatrao fa "marina? Nefa dia holavinao izany, satria ianao dia avy amin' ny ^bdevoly. Kanefa, tsy ny sitrapoko anie no atao; fa raha hame-ly anao kosa Andriamanitra, dia aoka izany ho famantarana ho anao fa manan-kery Izy, na any an-danitra na etỳ an-tany; ary koa fa ho avy i Kristy. Ary ny sitraponao anie, Tompo ô, no atao fa tsy ny ahy.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa nilaza ireo teny ireo izaho Jakôba dia tonga taminy ny herin' ny Tompo, hany ka lavo tamin' ny tany izy. Ary ny zava-nitranga dia nofahanan' ny olona izy nandritra ny andro maro.

16 Ary ny zava-nitranga dia nilaza tamin' ny vahoaka izy

7a Jakôba 4:5.

^b Almà 30:13.

8a TSM Fitaoman' ny Fanahy.

11a Fan. 19:10;

1 Ne. 10:5;

Jakôba 4:4;

Môsià 13:33-35;

F&F 20:26.

TSM Jesoa Kristy.

12a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Fanahy Masina;
Fanahy Masina.

^b 2 Ne. 2:21.

13a Mat. 16:1-4;

Almà 30:43-60.

TSM Famantarana.

14a Almà 30:41-42.

^b Almà 30:53.

hoe: Miaraha-mivory ianareo rahampitso fa ho faty aho; koa maniry ny hiresaka amin' ny vahoaka aho mialohan' ny hafatesako.

17 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia tafavory miaraka ny valalabemandry; ary noteneniny mazava taminy tokoa sy nolaviny ny zavatra izay efa nampianariny azy ary nibabohany ny amin' i Kristy sy ny herin' ny Fanahy Masina ary ny fampianaran' ny anjely.

18 Ary dia nolazainy mazava taminy tokoa fa izy dia efa "voafitaky ny herin' ny ^bdevoly. Ary noresahiny ny momba ny helo sy ny mandrakizay ary ny famaizana mandrakizay.

19 Ary hoy izy: Matahotra aho fandrao efa nahavita fahotana "tsy azo ivalozana, satria efa nandainga tamin' Andriamanitra aho; satria nandà an' i Kristy aho, ary nilaza fa izaho dia nino ny soratra masina; ary izany dia manambara marina tokoa ny Aminy. Ary satria efa nandainga tamin' Andriamanitra toy izany aho, dia matahotra fatratra tokoa aho fandrao dia ^bhahatsiravina ny anjarako; nefa mibaboka amin' Andriamanitra aho.

20 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia tsy afaka niteny intsony ary "afaka ny ainy.

21 Ary rehefa avy nanatri-maso ny valalabemandry fa notene-

niny ireo zavatra ireo rehefa akaiky ho afaka ny ainy, dia talanjona fatratra tokoa izy; hany ka nidina taminy ny herin' Andriamanitra, ary "ankona izy ka lavo tamin' ny tany.

22 Ankehitriny, izany zavatra izany dia nahafinaritra ahy Jakôba, satria efa nangataka izany tamin' ny Raiko izay any andanitra aho; fa efa nandre ny fitalahoako Izy ary namaly ny fivavako.

23 Ary ny zava-nitranga dia naverina teo anivon' ny vahoaka indray ny fiadanana sy ny fitiavana an' Andriamanitra; ary "nanadihady ny soratra masina izy sy tsy nihaino intsony ny tenin' ity olon-dratsy ity.

24 Ary ny zava-nitranga dia novisavisaina ireo tetika maro "hanarenana sy hamerenana ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana; saingy ^bzava-poana avokoa izany, satria finaritra tamin' ny ^dady sy ny ^efandatsahan-dra izy ary nanana ^ffankahalana mandrakizay anay rahalahiny. Ary nokatsahiny ny hamongotra anay lalandava tamin' ny herin' ny fiadiany.

25 Noho izany, ny vahoakan' i Nefia dia nanamafy ny toerampiarovana tamin' ny fitaovampiadiany sy tamin' ny heriny rehetra, nitoky tamin' Andriamanitra sy ny "vatolampy famonjena azy; noho izany izy dia

18a Almà 30:53.

tsm Fitaka.

b tsm Devoly.

19a tsm Fahotana Tsy

Ahazoana Famelana.

b Môsià 15:26.

20a Jer. 28:15-17.

21a Almà 19:6.

23a Almà 17:2.

24a Enôsa 1:20.

b Enôsa 1:14.

d Môsià 10:11-18.

e Jarôma 1:6;

Almà 26:23-25.

f 2 Ne. 5:1-3;

Môsià 28:2.

25a tsm Vatolampy.

tonga mpandresy ny fahavalony hatramin' izao.

26 Ary ny zava-nitranga, izaho Jakôba dia nandroso fahanterana; ary satria efa voatahiry amin' ny "takelak' i Nefia hafa ny rakitsoratra ity vahoaka ity, noho izany aho dia mamarana ity rakitsoratra ity, amin' ny filazana fa efa nanoratra araka ny fara-fahai-zako aho, tamin' ny filazana fa nandalo ny fotoana taminay ary koa nihelina taminay miova tsy ny nofy ny ^bfiainanay, dia izahay izay vahoaka manirery sy mato-tratra, mpirenireny, noroahina avy tany Jerosalema, nateraka tao anatin' ny fahasahiranana tany an-tany foana; ary nankahalain'

ny rahalahinay izay nahatonga ady sy fifandirana; noho izany, dia nisaonanay ny andronay.

27 Ary izaho Jakôba dia nahita fa tsy maintsy midina tsy ho ela any am-pasako; koa nilaza tamin' i "Enôsa zanako lahy aho hoe: Raiso ireto takelaka ireto. Ary noteneniko azy ny zavatra izay efa ^bnandidian' i Nefia rahalahiko ahy, ary nampanantena izy fa hankatò ny didy. Ary mamarana ny fanoratako aho eo amin' ireto takelaka ireto, izay fanoratana kely ihany; ary ho an' ny mpamaky dia manao veloma aho sady manantena fa maro amin' ny rahalahiko no ho afaka hamaky ny teniko. Veloma, ry rahalahy.

NY BOKIN' I ENÔSA

Nahery nivavaka tokoa i Enôsa ary nahazo ny famelana ny fahotany izy—Tonga tao an-tsainy ny feon' ny Tompo, nampanantena famonjena ho an' ny Lamanita amin' ny andro ho avy—Nikatsaka ny hanarina ny Lamanita ny Nefita—Nifaly tamin' ny Mpanavotra azy i Enôsa. Tokony ho 420 talohan' i J.K.

INDRO, ny zava-nitranga, izaho "Enôsa, noho ny fahalalako ny raiko fa ^bizy dia lehilahy marina—fa izy dia "nampianatra

ahy tamin' ny fiteniny ary koa tamin' ny "fanabeazana sy ny fananarana araka ny Tompo—ary hotahiana anie ny anaran' ny Andriamanitra noho izany—

2 Ary izaho dia hilaza aminareo ny amin' ny "tolona izay nataoko teo anoloan' Andriamanitra, talohan' ny nahazoako ny ^bfamelana ny fahotako.

3 Indro, nandeha nihaza bibidia tany an' ala aho; ary ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay sy ny "fifalian' ny

26a 1 Ne. 19:1–6;
Jarôma 1:14–15.
TSM Takelaka.
b Jakôba 4:14.
27a Enôsa 1:1.
b Jakôba 1:1–4.

[ENÔSA]
1 1a TSM Enôsa,
Zanakalahin' i Jakôba.
b 2 Ne. 2:2–4.
d 1 Ne. 1:1–2.
e Ef. 6:4.

2a Gen. 32:24–32;
Almà 8:10.
TSM Fibebehana.
b TSM Famelana ny
Fahotana.
3a TSM Fifaliana.

olomasina dia ^btafalatsaka lalina tao am-poko.

4 Dia “mosarena ny fanahiko; ary ^bnandohalika teo anoloan’ ny Mpanao ahy aho ary nitalaho taminy sady nahery ^dnivavaka no nitaraina ho an’ ny fanahiko ihany; ary nandritra ny manontolo andro no nitalahoako taminy; eny, ary rehefa tonga ny alina dia mbola nanandratra avo ny feoko aho ka nahatakatra ny lanitra izany.

5 Ary nisy “feo tonga tamiko, nanao hoe: Ry Enôsa, voavela ny fahotanao ary hotahiana ianao.

6 Ary izaho Enôsa dia nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra; noho izany, dia nofafana ny hadisoako.

7 Ary hoy aho: Ahoana no mahatò izany, Tompo ô?

8 Ary hoy Izy tamiko: Noho ny “finoanao an’ i Kristy izay tsy mbola henonao na hitanao na oviana na oviana. Ary taona maro no ho lasana mialohan’ ny hanehoany ny tenany ao amin’ ny nofo; koa mandehana, ny finoanao no efa ^bnamonjy anao.

9 Ankehitriny, ny zava-nitranga, nony efa nandre ireo teny ireo aho, dia nanomboka nahatsapa “faniriana ho an’ ny fiadan’ ny Nefita rahalahiko; koa, ho azy no ^bnamborahiko tamin’ Andriamanitra ny tao am-poko manontolo.

10 Ary raha mbola nitolona am-panahy toy izany aho, indro tonga tao “an-tsaiko indray ny feon’ ny Tompo, nanao hoe: Iza-ho hamangy ny rahalahinao araka ny fahazotoany mitandrana ny didiko. Efa ^bnomeko azy ity tany ity, ary tany masina izany; ary Izaho tsy “hanozona azy raha tsy noho ny amin’ ny heloka; noho izany Aho dia hamangy ny rahalahinao araka izay efa nola-zaiko; ary ny fandikany lalàna dia haidiko miaraka amin’ alahelo eo ambony lohany ihany.

11 Ary rehefa nandre ireo teny ireo izaho Enôsa dia nanomboka ho tsy azo hozongozonina ny finoako ny Tompo; ary nitolona am-bavaka maro sy naharitra taminy aho ho an’ ny Lamanita rahalahiko.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy “nivavaka sy niasa tamin’ ny fahazotoana rehetra aho, dia hoy ny Tompo tamiko: Hotoviko aminao araka ny ^bfanirianao noho ny finoanao.

13 Ary ankehitriny, indro izao no faniriana izay niriako tamin’ —fa raha toa ka ho lavo ao amin’ ny fandikany lalàna ny Nefita oloko ary mety ho “fongotra, ary tsy ho fongotra kosa ny Lamanita, dia ny mba ^bhitsimbina’ ny Tompo Andriamanitra ny rakitsoratra ny Nefita, oloko, na dia ho amin’ ny herin’ ny

3b 1 Ne. 10:17-19;

Almà 36:17-21.

4a 2 Ne. 9:51; 3 Ne. 12:6.

^b TSM Fanajana.

^d TSM Vavaka.

5a TSM Fanambarana.

8a Etera 3:12-13.

TSM Finoana.

^b Mat. 9:22.

9a 1 Ne. 8:12;

Almà 36:24.

^b 2 Ne. 33:3; TiM 1:8;

Almà 34:26-27.

10a TSM Fitaoman’ ny

Fanahy; Saina.

^b 1 Ne. 2:20.

^d Etera 2:7-12.

12a Môrm. 5:21; 9:36.

^b Sal. 37:4; 1 Ne. 7:12;

Hel. 10:5.

13a Môrm. 6:1, 6.

^b TiM 1:6-11;

Almà 37:2.

sandriny masina aza izany mba hahazoana “mamoaka izany ho an’ ny Lamanita amin’ ny andro ho avy, ka angamba ho azo “tarihina ho amin’ ny famonjena izy —

14 Fa “zava-poana amin’ izao fotoana izao ny fikelezanay aina amin’ ny fampodiana azy ho amin’ ny finoana marina. Ary miozonozona izy ao amin’ ny fahatezerany, fa raha azo atao, dia ho ^bnofongorany miaraka izahay sy ny rakitsoratra, ary koa ny fomban-drazanay rehetra.

15 Koa, noho ny fahalalako fa afaka “nitsimbina ny rakitsoratra ny Tompo Andriamanitra dia nitalaho Taminy lalandava aho, fa hoy Izy tamiko: Na inona na inona zavatra angatahinao amin’ ny finoana, rehefa mino fa hahazo ianao amin’ ny anaran’ i Kristy, dia ho azonao izany.

16 Ary nanana finoana aho, ary izaho dia nitalaho tamin’ Andriamanitra mba “hitsimbiana ny ^brakitsoratra; ary nanao fanekempihavanana tamiko Izy fa “hamoaka izany ho an’ ny Lamanita amin’ ny fotoana mahamety izany Aminy.

17 Ary izaho Enôsa dia nahalala fa izany dia ho araka ny fanekempihavanana izay efa nataony; noho izany dia nitony ny fanahiko.

18 Ary hoy ny Tompo tamiko:

Ny razanao koa efa nangataka tamiko izany zavatra izany; ary dia hotanterahina aminy araka ny finoany izany; fa ny finoany dia toy ny anao.

19 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Enôsa dia niveze-vezy tany anivon’ ny vahoakan’ i Nefia, naminany ny amin’ ny zavatra ho avy ary nanambara ny amin’ ny zavatra izay efa reko sy hitako.

20 Ary izaho dia vavolombelona manambara fa ny vahoakan’ i Nefia dia nikatsaka tamimpahazotoana tokoa ny hampody ny Lamanita ho amin’ ny tena finoana an’ Andriamanitra. Saingy zava-poana ny “asanay; lalimpaka ny fankahalany, ary nentanin’ ny toetra ratsiny izy ka zary olon-dia sy loza-be ary ^blian-dra, feno ^dfanompoan-tsampy sy fahalotoana; homana bibidia; mitoetra anaty lay ary mireni-reny any an-tany foana ka hodibiby no sikina fohy eo ambalahany, ary mangadihady ny lohany; ary ao amin’ ny fampiasana “tsipika sy sabatra ary famaky ny hakingany. Ary maro taminy no tsy nihinana na inona na inona afa-tsy hena manta; ary nikatsaka lalandava ny hamongotra anay izy.

21 Ary ny zava-nitranga dia niasa ny tany ny vahoakan’ i Nefia ary “nikolo ny karazana rehetra tamin’ ny voamaina sy

13d Almà 37:19;
Etera 12:22; F&F 3:18.
e Almà 9:17.
14a Jakôba 7:24.
b Môrm. 6:6.
15a tsm Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.
16a 3 Ne. 5:13–15;
F&F 3:19–20;
10:46–50.
b tsm Bokin’ i
Môrmôna.
d 2 Ne. 27:6.

20a Môrô. 9:6.
b Jarôma 1:6.
d Môsià 9:12.
tsm Fanompoan-
tsampy.
e Môsià 10:8.
21a Môsià 9:9.

ny voankazo, ary andiana ka-razam-biby fiompy rehetra, ary osy sy osy dia, ary koa soavaly maro.

22 Ary nisy “mpaminany maro izaitsizy tokoa teo aminay. Ary vahoaka ^bmafy hatoka ny vahoaka, malaina hanakatra.

23 Ary tsy nisy afa-tsy ny “fi-henjanana mihoa-pampana, ny ^bfitoriana ary ny faminaniana momba ny ady, mbamin’ ny fi-fandirana sy ny faharavana, ary ny ^dfampahatsiahivana azy lalandava ny fahafatesana sy ny faharetan’ ny mandrakizay, ary ny famaliana sy ny herin’ Andriamanitra, ary ireo zavatra rehetra ireo—no hanairana azy ^elalandava ka hitanana azy amin’ ny fahatahorana ny Tompo. Ambarako fa tsy misy afa-tsy ireo zavatra ireo sy ny fahatsoram-pitenenana lehibe izaitsizy tokoa no hihazona azy tsy hivarina faingana tokoa any amin’ ny famongorana. Ary araka izany fomba izany no anoratako ny momba azy.

24 Ary nahita ady teo amin’ ny Nefita sy ny Lamanita aho nandritra ny androko.

25 Ary ny zava-nitranga dia

nandroso fahanterana aho ary sivy amby fitopolo amby zato taona no efa lasana hatramin’ ny fotoana “nandaozan’ i Lehia rainay an’ i Jerosalema.

26 Ary hitako fa tsy ho ela dia tsy maintsy midina any am-pasako aho, rehefa avy nentanin’ ny herin’ Andriamanitra fa tsy maintsy mitory sy maminany amin’ ity vahoaka ity ary manambara ny teny araka ny fahamarinana izay ao amin’ i Kristy. Ary efa nanambara izany aho nandritra ny androko rehetra ka nifaly tamin’ izany mihoatra noho ny tamin’ ny zavatr’ izao tontolo izao.

27 Ary tsy ho ela aho dia handeha any amin’ ny toerana “hialako sasatra, izay hiarahako amin’ ny Mpanavotra ahy, satria fantatro fa ao Aminy no hialako sasatra. Ary mifaly amin’ ny andro izay hitafian’ ny tenako ^bmety maty ny ^dtsy fahafatesana aho sy hijoroako eo anoloany; ary amin’ izany aho dia ho finaritra hahita ny tavany, ary Izy hiteny amiko hoe: Avia aty Amiko, ianao notahiana, fa efa misy toerana voavoatra ho anao ao ^ean-tranon-dRaiko. Amena.

NY BOKIN’ I JARÔMA

Nitandrina ny lalàn’ i Mosesy ny Nefita sady niandrandra ny fia-

vian’ i Kristy ka niroborobo teo amin’ ny tany—Nifofotra ny

22a TiM 1:16–18.

^b Jarôma 1:3.

23a 1 Ne. 16:2;

2 Ne. 33:5.

^b TSM Mitory.

^d Hel. 12:3.

^e Jarôma 1:12;

Almà 31:5.

25a 1 Ne. 2:2–4.

27a TSM Fitsaharana.

^b TSM Mety Maty.

^d TSM Tsy Fahafatesana.

^e Jao. 14:2–3;

Etera 12:32–34;

F&F 72:4; 98:18.

mpaminany marobe mba hitana ny olona amin' ny lalan' ny fahamarinana. Tokony ho 399-361 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, indro izaho Jarôma no manoratra teny vitsivitsy araka ny didin' i Enôsa raiko mba hahazoana mitahiry ny ^atetiaranay.

2 Ary satria ^akely ^bireto takelaka ireto ary satria itony zavatra itony dia ^asoratana ka ny fikasana dia ny hahasoa ny ^aLamanita rahalahinay, noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny hanoratako fohy; saingy tsy hanoratra ny zavatra ny faminaniako aho na koa ny amin' ny fanambarako. Fa inona moa no mbola azoko soratana mihoatra noho izay efa nosoratan' ny razako? Fa moa tsy efa nanambara ny drafitry ny famonjena va izy ireo? Lazai-ko aminareo, Eny; ary ampy ho ahy izay.

3 Indro, ilaina ny tokony hanaovana zavatra betsaka eo anivon' ity vahoaka ity noho ny hamafin' ny fony sy ny fahadontoan' ny sofiny ary ny fahajamban' ny sainy sy ny ^afihenjanan' ny hatony; kanefa feno fiantrana azy fatratra tokoa Andriamanitra ary tsy mbola ^bnandringana azy tambonin' ny tany.

4 Ary misy maro aminay no

manana ^afanambarana maro, fa tsy mafy hatoka avokoa akory izy ireo. Ary izay rehetra tsy mafy hatoka nefa manam-pinoana no manana ^bfiraaisana amin' ny Fanahy Masina, izay miseho amin' ny zanak' olombelona, araka ny finoany.

5 Ary ankehitriny, indro roanjato taona no efa lasana ary efa nihanahery tamin' ny tany ny vahoakan' i Nefia. Niezaka ny ^ahitandrina ny lalan' i Mosesy sy ny andro ^bSabata ho Masina ho an' ny Tompo izy. Ary tsy ^anametaveta izy; sady tsy ^ananevateva. Ary henjana izaitsizy tokoa ny lalan' ny tany.

6 Ary niely patrana be tambonin' ny tany izy, ary koa ny Lamanita. Ary izy dia tena maro izaitsizy tokoa noho ny Nefita; ary tia ^amamono olona sy misotro ny ran' ny biby izy.

7 Ary ny zava-nitranga dia imbetsaka izy no tonga niady taminay Nefita. Saingy ny ^ampanjakanay sy ny mpitondra anay dia lehilahy mahery tamin' ny finoana ny Tompo; ary nampianarinay ny vahoaka ny lalan' ny Tompo; noho izany izahay dia nahatohitra ny Lamanita sy nifaoka azy hiala ny ^btaninay ary nanomboka nanamafy ny tananay na izay rehetra toerana lovanay.

[JARÔMA]

1 1a 1 Ne. 3:12; 5:14.

2a 1 Ne. 6:1-6.

b Jakôba 3:14;

Ômnia 1:1.

d tsm Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

e 2 Ne. 27:6;

Môrm. 5:12.

3a Enôsa 1:22-23.

b Etera 2:8-10.

4a Almà 26:22;

Hel. 11:23;

F&F 107:18-19.

tsm Fanambarana.

b tsm Fanahy Masina.

5a 2 Ne. 25:24;

Almà 34:13-14.

b Eks. 35:2.

tsm Andro Sabata.

d tsm Faniratsirana.

e tsm Manevateva.

6a Jakôba 7:24;

Enôsa 1:20.

7a Jakôba 1:9, 11, 15.

b TiM 1:14.

8 Ary nitombo isa fatratra tokoa izahay ary niely patrana tambonin' ny tany sy nanjary mpanefohefo izaitsizy tokoa tamin' ny volamena sy ny volafotsy ary ny zava-tsarobidy sy ny taozavatra voakaly tamin' ny hazo, ny tao-trano sy ny milina, ary koa tamin' ny vy sy ny varahinamena ary ny varahina sy ny tsy, nanamboatra izay rehetra mety ho fitaovana isan-karazany mba hiasana ny tany ary ny "fitaovam-piadiana — eny, ny loha maranitra ny zana-tsipika sy ny tranon-jana-tsipika, ary ny longy sy ny lefompohy, ary ny fiomanana rehetra ho amin' ny ady.

9 Ary dia toy izany no fiomananay hifanandrana amin' ny Lamanita, ka tsy nahomby taminay izy. Fa nohamarinina kosa ny tenin' ny Tompo izay nolazainy tamin' ny razanay, manao hoe: Arakaraka ny hitandremanareo ny didiko no hiroboroboanareo eo amin' ny tany.

10 Ary ny zava-nitranga dia nampitandrina ny vahoakan' i Nefia ny mpaminan' ny Tompo, araka ny tenin' Andriamanitra, fa raha tsy mitandrina ny didy izy, fa ho lavo ao amin' ny fandikan-dalàna kosa, dia "hofongorana teo ambonin' ny tany.

11 Koa, ny mpaminany sy ny mpisorona ary ny mpampianatra dia niasa tamim-pahazotoana tokoa, namporisika ny vahoaka

tamin' ny fahari-po rehetra ho amin' ny fahazotoana; nampianatra ny "lalàn' i Mosesy sy ny antony izay nanomezana izany; nandresy lahatra azy mba ^bhiandrandra ny Mesia sy hino Azy izay ho avy, ho "toy ny efa tonga sahady. Ary dia toy izany no fomba nampianarany azy.

12 Ary ny zava-nitranga dia tamin' ny fanaovany izany no nitsimbiny azy tsy ho "fongana tambonin' ny tany; fa ^bnotsindrontsindroniny tamin' ny teny ny fony mba hanairana azy lalandava ho amin' ny fibe-bahana.

13 Ary ny zava-nitranga dia valo amby telopolo sy roanjato taona no efa lasana — tao anatin' ny ady sy fifandirana ary tsy fifanarahana ny ampahany betsaka tamin' ny fotoana.

14 Ary izaho Jarôma dia tsy manoratra misimisy kokoa, satria kely ny takelaka. Nefa indro, ry rahalahiko, afaka mizaha ireo "takelak' i Nefia hafa ianareo; fa indro, efa voasokitra amin' ireny ny rakitsoratra mikasika ny adinay, araka ny soratr' ireo mpanjaka, na ireo izay nasainy nosoratana.

15 Ary manolotra ireto takelaka ireto ho eo an-tànan' i Ômnia zanako lahy aho, mba hahazoana mitahiry azy ireo araka ny "didin' ny razako.

8a Môsià 10:8.
10a 1 Ne. 12:19–20;
Ômnia 1:5.
11a Jakôba 4:5;
Almà 25:15–16.

b 2 Ne. 11:4;
Etera 12:18–19.
d 2 Ne. 25:24–27;
Môsià 3:13; 16:6.
12a Etera 2:10.

b Almà 31:5.
14a 1 Ne. 9:2–4.
15a Jakôba 1:1–4.

NY BOKIN' I ÔMNIA

Nifandimby tsirairay nitana ny rakitsoratra i Ômnia, i Amarôna, i Kemisa, i Abinadôma ary i Amalekià — Hitan' i Môsià ny mponin' i Zarahemlà, izay nandao an' i Jerosalema tamin' ny andron' i Zedekia — Nataon' izy ireo mpanjakany i Môsià — Ny nahitan' ny tamingan' i Mioleka ao Zarahemlà an' i Kô-riantomira ilay sisa tavela tamin' ny Jarêdita — Nandimby an' i Môsià i Benjamîna mpanjaka — Tokony hatolotry ny olona an' i Kristy ho toy ny fanatitra ny fanahiny. Tokony ho 323–130 talohan' i j.k.

INDRO ny zava-nitranga, rehefa nandidy ahy Ômnia i Jarôma raiko, ny somary hano-ratako ihany eo amin' ireto takelaka ireto mba hitsimbinana ny tetiaranay —

2 Noho izany, dia mba tiako ny hahafantaranareo, fa tamin' ny androko dia niady mafy tamin-tsabatra aho mba hitsimbinana ny Nefita oloko tsy hianjera eo an-tànan' ny Lamanita fahavalony. Nefa indro, raha ny tenako dia olon-dratsy aho ary tsy nahatandrina ny sata sy ny didin' ny Tompo araka ny tokony ho efa nataoko aho.

3 Ary ny zava-nitranga dia enina amby fitopolo sy roanjato taona no efa lasana, ary nanana vanim-potoana maro nandriana fahalemana izahay; ary nanana vanim-potoana maro nisian' ny ady mangotraka sy fandatsahandra izahay. Eny, raha fintinina,

dia roa amby valopolo sy roanjato taona no efa lasana, ary efa nitahiry ireto takelaka ireto aho araka ny “didin' ny razako; ary nankiniko tamin' i Amarôna zana-ko lahy izy ireo. Ary mamarana aho.

4 Ary ankehitriny dia izaho, Amarôna, no manoratra izay rehetra zavatra soratako, izay vitsivitsy, ao amin' ny bokin-draiko.

5 Indro, ny zava-nitranga dia roapolo sy telonjato taona no efa lasana ary efa “nofongorana ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny Nefita.

6 Fa tsy tian' ny Tompo ny hamela, taorian' ny efa nitondrany azy niala ny tanin' i Jerosalema sy nitehirizany ary nitsimbina-ny azy tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalony, eny, tsy tiany ny hamela ny teniny tsy ho tò, dia izay nolazainy tamin' ny razanay, manao hoe: Arakaraka ny tsy hitandremanareo ny didiko no tsy hiroboroboanareo eo amin' ny tany.

7 Noho izany, ny Tompo dia namangy azy tamin' ny famaliana lehibe; kanefa dia notsimbiny ny marina mba tsy hahafaty azy fa nafahany teo an-tanan' ny fahavalony kosa izy.

8 Ary ny zava-nitranga dia natolotro an' i Kemisa rahalahiko ny takelaka.

9 Ankehitriny, dia izaho Kemi-
sa no manoratra izay zava-bitsy soratako ao amin' ity boky ity

ihany miaraka amin' ny rahalahiko; fa indro, nahita ny farany izay nosoratany aho fa ny tanany ihany no nanoratra izany; ary nosoratany izany tamin' ny andro izay nanolorany ahy azy ireo. Ary dia araka izany fomba izany no itananay ny rakitsoratra, fa izany dia araka ny didin' ny razanay. Ary mamarana aho.

10 Indro, izaho Abinadôma dia zanakalahin' i Kemisa. Indro, ny zava-nitranga dia nahita ady betsaka sy fifandirana teo amin' ny Nefita oloko sy ny Lamanita aho; ary efa nalatsako tamin' ny sabatro ny ain' ny Lamanita maro mba ho fiarovana ny rahalahiko.

11 Ary indro, ny rakitsoratr' ity vahoaka ity dia voasokitra eo amin' ny takelaka izay notanan' ny mpanjaka araka ny taranaka; ary tsy mahalala ny amin' ny fanambarana afa-tsy izay efa voasoratra aho, toraka izany ny faminaniana; noho izany, dia ampy izay voasoratra. Ary mamarana aho.

12 Indro, izaho dia Amalekià, zanakalahin' i Abinadôma. Indro, izaho dia somary hiresaka aminareo ny momba an' i Môsià, izay natao mpanjakan' ny tanin' i Zarahemlà; fa indro, rehefa nampilazain' ny Tompo mialoha izy fa tokony handositra hiala ny tanin' i "Nefia, ary izay rehetra nety nihaino ny feon' ny Tompo dia tokony^b hanainga koa hiala ny tany miaraka aminy, hankany an-tany foana—

13 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka izay efa nandidian' ny Tompo azy izy. Ary izay rehetra nety nihaino ny feon' ny Tompo dia niainga niala ny tany hankany an-tany foana; ary izy ireo dia notarihan' ny fitoriana sy faminaniana maro. Ary nanarin' ny tenin' Andriamanitra lalandava izy ireo; ary notarihin' ny herin' ny sandriny izy ireo namakivaky ny tany foana, mandra-pidiny tao amin' ny tany izay nantsoina hoe ny tanin' i Zarahemlà.

14 Ary nahita vahoaka iray izay nantsoina hoe ny vahoakan' i "Zarahemlà izy ireo. Ankehitriny, dia nisy firavoravoana be teo anivon' ny vahoakan' i Zarahemlà; ary Zarahemlà koa dia niravoravo fatratra tokoa, satria ny Tompo no efa nandefa ny vahoakan' i Môsià niaraka tamin' ny^b takela-barahina izay nitahir' ny rakitsoratr' ny Jiosy.

15 Indro, ny zava-nitranga dia nahita i Môsià fa ny "vahoakan' i Zarahemlà dia nivoaka avy tao Jerosalema tamin' ny fotoana izay nitondrana an' i^b Zedekia, mpanjakan' i Joda, ho babo tany Babylona.

16 Ary nandeha tany an-tany foana izy, sy nentin' ny tanan' ny Tompo namakivaky ny rano be, hankany amin' ny tany izay nahitan' i Môsià azy; ary izy dia nonina teo hatramin' izay fotoana izay.

17 Ary tamin' ny fotoana izay nahitan' i Môsià azy, dia efa ni-

12a 2 Ne. 5:6-9.

b Jakôba 3:4.

14a TSM Zarahemlà.

b 1 Ne. 3:3, 19-20;

5:10-22.

15a Môsià 25:2.

b Jer. 39:1-10;

Hel. 8:21.

hamaro fatratra tokoa izy. Kamefa dia efa nanana ady maro sy fifandirana mafy izy, ary efa lavon-tsabatra ombieny ombieny; ary efa niasimba ny fiteniny; ary tsy nitondra "rakisoratra niaraka taminy izy, ary nolaviny ny fisian' ny Mpahary azy; ary na i Môsià na ny vahoakan' i Môsià dia samy tsy nahazo azy.

18 Fa ny zava-nitranga kosa dia nasain' i Môsià nampianarina azy ny fiteniny. Ary ny zava-nitranga rehefa avy nampianarina ny fitenin' i Môsià izy, dia nanome ny tetiaran' ny razambeny i Zarahemlà araka ny fitadidiany; ary ireny dia voasoratra, saingy tsy amin' ireto takelaka ireto.

19 Ary ny zava-nitranga dia "nikambana ny vahoakan' i Zarahemlà sy ny an' i ^bMôsià; ary i Môsià no notendrena ho mpanjakany.

20 Ary ny zava-nitranga tamin' ny andron' i Môsià, dia nisy vato iray lehibe nisy ireo soratra voasokitra nentina teo aminy; ary "nadikany ny soratra voasokitra tamin' ny alalan' ny fanomezampahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny.

21 Ary ireny dia nanome ny tantaran' izany "Kôriantomira izany sy ny voavono tamin' ny vahoakany. Ary i Kôriantomira dia hitan' ny vahoakan' i Zarahemlà; ary niara-nonina taminy izy nandritra ny sivy volana.

22 Izany koa dia nilaza tamin'

ny teny vitsivitsy ny momba ny razany. Ary ny razambeny voalohany dia nivoaka avy tao amin' ny "tilikambo, tamin' ny fotoana ^bnanorokoroan' ny Tompo ny fitenin' ny olona; ary nianjera taminy ny fahasiahan' ny Tompo araka ny famaliany izay marina; ary ny "taolany dia nitsitra nihahaka tao amin' ny faritra avaratry ny tany.

23 Indro izaho Amalekià dia teraka tamin' ny andron' i Môsià; ary mbola velona ka nahita ny fahafatesany aho; ary i "Benjamîna zananilahy no manjaka eo amin' ny toerany.

24 Ary indro, tamin' ny andron' i Benjamîna mpanjaka no efa nahitako ady mangotraka sy fandatsahan-dra be teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Nefa indro, nanana tombony betsaka taminy ny Nefita; eny, hany ka i Benjamîna mpanjaka dia nanosika azy hiala ny tanin' i Zarahemlà.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandroso fahantearana aho; ary, satria tsy manana taranaka aho ary mahalala fa olona marina eo anoloan' ny Tompo i "Benjamîna mpanjaka, noho izany, dia ^bhatolotro azy ireto takelaka ireto hamporishina ny olon-drehetra hanatona an' Andriamanitra, ny Iray Masin' ny Isiraely, ary hino ny famanianana sy ny fanambarana, ary ny fampianaran' ny anjely,

17a Môsià 1:2-6.

19a Môsià 25:13.

b Ômnia 1:12.

20a Môsià 8:13-19.

TSM Mpahita.

21a Etera 12:1.

TSM Kôriantomira.

22a Etera 1:1-5.

b Gen. 11:6-9;

Môsià 28:17; Etera 1:33.

d Môsià 8:8.

23a TiM 1:3.

25a TiM 1:17-18;

Môsià 29:13.

b TiM 1:10.

ary ny talenta amin' ny fitene-nana amin' ny teny sy ny talenta amin' ny fandikan-teny ary amin' ny zavatra rehetra izay ^atsara; fa tsy misy na inona na inona izay tsara ka tsy avy amin' ny Tompo, ary izay ratsy dia avy amin' ny devoly.

26 Ary ankehitriny, ry rahalahy malalako, dia mba tiako ny ^ahanatonanareo an' i Kristy, dia ny Iray Masin' ny Isiraely ary handraisanareo anjara amin' ny famonjeny sy ny herin' ny fanavotany. Eny, manatòna Azy ary ^batolory ho toy ny ^dfanatitra ho Azy ny fanahinareo manontolo, ary tohizo ny ^efifadianareo hanina sy ny fivavahanareo, ary mahareta hatramin' ny farany; ary raha velona koa ny Tompo, dia hovanjena ianareo.

27 Ary ankehitriny aho dia somary te hiresaka ihany ny amin' ireo sasantsasany izay nandeha niakatra nankany an-tany foana

mba hiverina any an-tanin' i Nefia; satria nisy ny ankamaroanay izay naniry ny hizaka ny tany loany.

28 Noho izany, dia nandeha niakatra nankany an-tany foana izy ireo. Ary satria lehilahy matanjaka sy mahery no mpitondra azy ireo ary lehilahy mafy hatoka, noho izany izy dia nampisy fifandirana teo anivony; ary dia ^anovonoina tany an-tany foana izy rehetra, afa-tsy dimampolo, ary niverina indray tany an-tanin' i Zarahemlà ireo.

29 Ary ny zava-nitranga dia naka olon-kafa marobe koa ireo ary lasana nandeha indray nankany an-tany foana.

30 Ary izaho Amalekià dia nana rahalahy izay nandeha koa niaraka taminy; ary tsy nahafantatra ny momba azy ireo intsony aho hatrizao. Ary efa madiva ny handry ao am-pasako aho; ary feno ^aireto takelaka ireto. Ary mamarana ny fitenenako aho.

NY TENIN' I MÔRMÔNA

Namintina ny takelaka lehiben' i Nefia i Môrmôna — Nampiarahany tamin' ny takelaka hafa ny takelaka kely—Nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny tany i Benjamîna Mpanjaka. Tokony ho 385 taorian' i j.k.

ARY ankehitriny, izaho ^aMôrmôna, rehefa madiva ny hanolotra ny rakitsoratra izay efa nataoko ho eo an-tanan' i Môrmôna zanako lahy, dia indro fa efa nanatri-maso ny fandranganana saiky manontolo ny Nefita oloko aho.

25d Almà 5:40;

Etera 4:12;

Môrô. 7:15–17.

26a Jakôba 1:7; Almà 29:2;

Môrô. 10:32.

b TSM Sorona.

d 3 Ne. 9:20.

e TSM Fifadian-kanina.

28a Môsià 9:1–4.

30a 1 Ne. 6:1–6.

[TENIN' I MORMONA]

1 1a 3 Ne. 5:9–12;

Môrm. 1:1–4; 8:1, 4–5.

TSM Môrmôna,

Mpaminany Nefita.

2 Ary "taon-jato maro aorian' ny fiavian' i Kristy no anolora-ko ireto rakitsoratra ireto eo an-tanan' ny zanakolahy; ary mihevitra aho fa izy dia hanatrimaso ny famongorana tanteraka ny oloko. Nefa hotovin' Andriamanitra anie ny hahela velona azy noho izy ireo mba hahazoa-ny manoratra misimisy kokoa ny amin' izy ireo sy misimisy kokoa ny amin' i Kristy, fa angamba mety ^bhahasoa azy ireo izany indray andro any.

3 Ary ankehitriny aho dia miresaka misimisy kokoa ny momba izay efa nosoratako; fa rehefa avy nanao ny "famintinana avy tamin' ny ^btakelak' i Nefia aho hatreo amin' ny fitondran' ity Benjamîna mpanjaka ity, izay noresahan' i Amalekià, dia nosavako tao amin' ny "rakitsoratra izay efa natolotra ho eo an-tanako ka hitako ireto takelaka ireto, izay nirakitra ny tantara fohin' ny mpaminany hatramin' i Jakôba ka hatramin' ny fitondran' ity "Benjamîna mpanjaka ity ary koa ny maro tamin' ny tenin' i Nefia.

4 Ary ny zavatra izay eo amin' ireo takelaka ireo dia "mahafinaritra ahy noho ny faminaniana ny amin' ny fiavian' i Kristy; ary nahalala ny razako fa maro tamin' ireny no efa tanteraka; eny, ary izaho koa mahalala fa izay zavatra rehetra efa naminaniana

mikasika anay hatramin' izao andro anio izao dia efa tanteraka, ary izay rehetra any ankoatra izao andro anio izao dia tsy maintsy hitranga marina tokoa.

5 Noho izany, dia nofidiako "ireo zavatra ireo mba hamaranana ny rakitsoratro momba azy ireo, izay sisa ambiny amin' ny rakitsoratro dia halai-ko amin' ny ^btakelak' i Nefia; ary tsy afaka manoratra ny "ampahazaton' ny zavatra mikasika ny oloko aho.

6 Nefa indro, halaiko ireo takelaka ireo izay mirakitra ireo faminaniana sy fanambarana ireo, ka hapetrako miaraka amin' ny sisa tavela amin' ny rakitsoratro ireo, fa ireo dia finidy ho ahy; ary fantatro fa ireo dia ho finidy ho an' ny rahalahiko.

7 Ary ataoko izany noho ny "fikasana hendry; fa toy izany no ibitsibitsihany ahy araka ny fiasan' ny Fanahin' ny Tompo izay ato amiko. Ary ankehitriny, tsy mahalala ny zava-drehetra aho; fa ny Tompo kosa no ^bmaalala ny zavatra rehetra izay ho avy; koa miasa ato amiko Izy mba hanaovako araka ny sitrapony.

8 Ary ny "fivavako amin' Andriamanitra dia ho an' ny rahalahiko, ka enga anie ho tonga indray mandeha indray amin' ny fahalalana an' Andriamanitra

2a Môrm. 6:5-6.

b F&F 3:16-20.

3a F&F 10:44.

b F&F 10:38-40.

d Môsià 1:6;

Hel. 3:13-15;

Môrm. 4:23.

e Ômnia 1:23.

4a 1 Ne. 6:5.

5a IE ny zavatra mahafinaritra azy, voalaza ao amin' ny andininy 4.

b 1 Ne. 9:2.

d 3 Ne. 5:8-11; 26:6-12.

7a 1 Ne. 9:5; 19:3;

F&F 3:12-20;

10:1-19, 30-47.

b tsm Heni-pahalalana.

8a 2 Ne. 33:3-4;

Enôsa 1:11-12.

izy, eny, amin' ny fanavotan' i Kristy; ka hahatonga azy indray mandeha indray ho ^bvahoaka mahafinaritra.

9 Ary ankehitriny izaho Môrmôna dia miroso amin' ny famaranana ny rakitsoratra izay alaiko amin' ny takelak' i Nefia; ary ataoko izany araka ny fahalalana sy ny fahatakarana izay efa nomen' Andriamanitra ahy.

10 Noho izany ny zava-nitranga, rehefa avy "natolotr' i Amalekià ho teo an-tanan' i Benjamîna mpanjaka ireo takelaka ireo, dia nalainy izy ireo sy nampiarahany tamin' ny ^btakelaka hafa izay nitahiry ny rakitsoratra izay efa nampitain' ny ^ampanjaka ny taranaka nifandimby, ka hatreo amin' ny andron' i Benjamîna mpanjaka.

11 Ary avy any amin' i Benjamîna mpanjaka izy ireo dia nampitaina tamin' ny taranaka nifandimby mandra-pahatongany teto "an-tànako. Ary izaho Môrmôna dia mivavaka amin' Andriamanitra mba hitsimbiana azy ireo hatramin' izao fotoana izao. Ary fantatro fa hotsimbinina izy ireo; satria misy zava-dehibe voasoratra aminy, avy amin' izany no ^bhitsarana ny oloko sy ny rahalahiny amin' ny andro lehibe sady farany, araka ny tenin' Andriamanitra izay voasoratra.

12 Ary ankehitriny, raha ny amin' io Benjamîna mpanjaka

io—izy dia somary nanana fifandirana ihany teo anivon' ny olony.

13 Ary ny zava-nitranga koa dia nidina avy tany amin' ny "tanin' i Nefia ny miaramilan' ny Lamanita mba hiady amin' ny vahoakany. Nefa indro, novorian' i Benjamîna mpanjaka miaraka ny miaramilany, ary nijoro izy nanohitra azy; ary izy dia niady tamin' ny herin-tsandrin' ny niaraka tamin' ny ^bsabatr' i Labàna.

14 Ary tamin' ny herin' ny Tompo no niadiany nanoherana ny fahavalony, mandra-pandringanany an' arivony maro tamin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia niady tamin' ny Lamanita izy mandra-panosehany azy hiala amin' ny tany lovany rehetra.

15 Ary ny zava-nitranga taorian' ny nisian' ny "Kristy sandoka, ary ny vavany dia efa nakombona, ary ireny dia nofaizina araka ny helony;

16 Ary taorian' ny nisian' ny mpaminany sandoka sy mpitory ary mpampianatra sandoka teo anivon' ny vahoaka, ary izy rehetra ireo dia samy efa nofaizina araka ny helony; ary taorian' ny efa nisian' ny fifandirana be sy fisaraham-bazana maro nankany amin' ny Lamanita, indro ny zava-nitranga dia i Benjamîna mpanjaka, niaraka tamin' ny fanampian' ny

8b 2 Ne. 30:6.
10a Ômnia 1:25, 30.
b 1 Ne. 9:4.
d Jarôma 1:14.
11a 3 Ne. 5:8–12;

Môrm. 1:1–5.
b 2 Ne. 25:18; 29:11;
33:11–15;
3 Ne. 27:23–27.
13a Ômnia 1:12.

b 1 Ne. 4:9; 2 Ne. 5:14;
Jakôba 1:10;
Môsià 1:16; F&F 17:1.
15a TSM Antikristy.

"mpaminany masina izay teo anivon' ny olony—

17 Fa indro, i Benjamîna mpanjaka dia lehilahy "masina ary izy dia nanjaka tamin' ny vahoakany araka ny hitsiny; ary nisy olona masina maro teo amin' ny tany ary izy ireo dia nilaza ny tenin' Andriamanitra ^btamin-kery sy tamin' ny fahefana; ary izy ireo dia naneho ^afihenjanana

be noho ny hamafy hatoky ny olona—

18 Koa tamin' ny fanampian' izy ireo, i Benjamîna mpanjaka, tamin' ny fampiasana ny herin' ny tenany rehetra sy ny fahai-zan' ny fanahiny manontolo, ary koa ny mpaminany, dia nampiorina indray mandeha indray ny fandriampahalemana teo amin' ny tany.

NY BOKIN' I MÔSIÀ

TOKO 1

Nampianatra ny zanany lahy ny fiteny sy ny faminanian' ny razany i Benjamîna Mpanjaka—Voatahiry ny fivavahany sy ny ribany noho ny rakitsoratra notanana tamin' ny takelaka samihafa—Nofidiana ho mpanjaka i Môsià ary natolotra azy ny fitanana ny rakitsoratra sy ny zavatra hafa. Tokony ho 130–124 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny dia tsy nisy aintsony fifandirana teo amin' ny "tanin' i Zarahemlà manontolo, teo anivon' ny vahoaka rehetra izay an' i Benjamîna mpanjaka, hany ka nahita fandriampahalemana lalanda-va i Benjamîna mpanjaka ny androny sisa rehetra.

2 Ary ny zava-nitranga dia nana zanakalahy telo izy; ary nantsoiny hoe i Môsià sy i He-

lôroma ary i Helamàna ny anarany. Ary nataony izay "hampianarana azy ireo tamin' ny ^bfitenin-drazany rehetra, fa iza-ny no hahatonga azy ireo ho olon' ny fahazavan-tsaina; ary mba hahazoany mahafantatra ny momba ny faminanianana izay efa nolazain' ny vavan' ireo razany, izay efa natolotra azy ireny tamin' ny tanan' ny Tompo.

3 Ary nampianariny azy ireo ny amin' ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin' ny takelabarahina, manao hoe: Anaka, mba tiako ny hahatsiarovanareo fa raha tsy teo ireto "takelaka ireto izay mitahiry ireo rakitsoratra sy ireo didy, dia tsy maintsy ho efa nijaly tao amin' ny ^btsy fahalalana isika na dia amin' izao fotoana izao aza, tsy nahafantatra ny misterin' Andriamanitra.

4 Fa tsy ho vitan' i Lehia raintsika ny ho nitadidy ireny zavatra

16a Enôsa 1:22.

17a Almà 13:26.

b Almà 17:2–3.

d Môrô. 9:4;

F&F 121:41–43.

[MÔSIÀ]

1 1a Ômnia 1:13.

2a Môsià 4:14–15;

F&F 68:25, 28.

b Môrm. 9:32.

3a TSM Takelaka.

b Almà 37:8–9.

rehetra ireny ka ho nampianatra ireny an-janany, raha tsy noho ny fanampian' ireto takelaka ireto; fa rehefa avy nampianarina tamin' ny "fitenin' ny Egiptiana izy, dia afaka namaky ireo soratra voasokitra ireo sy nampianatra ireny ny zanany, ka tamin' izany izy ireo dia afaka nampianatra ireny ny zanany ary nahatanteraka araka izany ny didin' Andriamanitra na dia hatramin' izao fotoana izao aza.

5 Lazaiko aminareo, ry zanako, fa raha tsy noho ireto zavatra ireto izay efa notanana sy "notsimbinin' ny tanan' Andriamanitra, mba hahazoantsika ^bmamaky sy mahazo ny amin' ny "misteriny ary manana mandrakariva ny didiny eo anoloan' ny masontsika, na dia ny razantsika aza dia ho efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana ary isika dia ho efa nanjary toy ny Lamanita rahalahintsika, izay tsy mahalala na inona na inona momba ireto zavatra ireto sady tsy mino velively ireto zavatra ireto rehefa ampianarina ireto izy, noho ny "fomban' ny razany izay tsy marina.

6 Ry zanako, mba tiako ny hahatsiarovanareo fa ireny teny ireny dia "marina, ary koa, fa ireto rakitsoratra ireto dia marina. Ary indro, ny takelak' i Nefia koa, izay mitahiry ny rakitsoratra sy ny tenin' ny razantsika hatramin' ny fotoana

nandaozany an' i Jerosalema ka mandraka ankehitriny, dia marina; ary azontsika fantarina ny maha-azo antoka azy ireny, satria isika dia manana azy ireny eo anoloan' ny masontsika.

7 Ary ankehitriny, ry zanako, dia mba tiako ny hahatsiarovanareo ny "hanadihady azy ireny amim-pahazotoana tokoa, fa mety hahazo tombontsoa amin' izany ianareo; ary mba tiako ny ^bhitandremanareo ny didin' Andriamanitra mba hahazoanareo "miroborobo eo amin' ny tany araka ny "fampanantenana izay nataon' ny Tompo tamin' ny razantsika.

8 Ary zavatra maro hafa no nampianarin' i Benjamîna mpanjaka ny zanany lahy, izay tsy voasoratra ao amin' ity boky ity.

9 Ary ny zava-nitranga rehefa avy namarana ny fampianarana ny zanany lahy i Benjamîna mpanjaka, dia niantitra izy ary hitany fa tsy ho ela dia tsy maintsy mandeha amin' ny lalan' ny tany rehetra izy; koa noheveriny fa mety ny tokony hanolorana ny fanjakana amin' ny anankiray amin' ireo zanany lahy.

10 Noho izany, dia nasainy nentina teo anoloany i Môsià; ary izao no teny izay nolazainy taminy, manao hoe: Anaka, mba tiako ny hanaovanao filazana eran' ity tany manontolo ity, eo anivon' ity vahoaka rehetra ity,

4a JS—T 1:64.

5a TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny
Soratra Masina.

b Deot. 6:6–8.

d TSM Misterin'

Andriamanitra.

e Môsià 10:11–17.

6a 1 Ne. 1:3;

2 Ne. 33:10–11;

Môrô. 10:27.

7a TSM Soratra Masina.

b Môsià 2:22;

Almà 50:20–22.

d Sal. 122:6;

1 Ne. 2:20.

e Almà 9:12–14.

na ny “vahoakan’ i Zarahemlà sy ny vahoakan’ i Môsià, izay monina eo amin’ ny tany, fa amin’ izany no hahazoana mamory azy ireo miaraka; fa rahampitso dia holazaiko ity vahoakako ity, hiloaka ny vavako ihany, fa ianao no ^bmpanjaka sy mpanapaka ity vahoaka ity izay efa nomen’ ny Tompo Andriamantsika antsika.

11 Ary ankoatra izany, dia homeko “anarana ity vahoaka ity, fa amin’ izany no hahazoana manavaka azy ho ambonin’ ny vahoaka rehetra izay efa nentin’ ny Tompo Andriamanitra niala ny tanin’ i Jerosalema; ary izany no ataoko dia noho izy efa vahoaka nazoto tamin’ ny fitandremana ny didin’ ny Tompo.

12 Ary omeko azy ny anarana izay tsy hovonoina na oviana na oviana, raha tsy noho ny “fandikan-dalàna.

13 Eny, ary ankoatra izany, dia lazaiko amina fa raha ity vahoakan’ ny Tompo ankasitrahana fatratra tokoa ity no ho lavo ao amin’ ny “fandikan-dalàna ary hanjary vahoaka ratsy sy janga, dia hafoin’ ny Tompo izy, ka amin’ izany izy dia ho tonga ^bmalemy toy ny rahalahiny; ary tsy “hotsimbininy intsony amin’ ny heriny tsy manan-tsahala sy mahagaga izy, toy ny efa nitsimbinany hatramin’ izao ny razantsika.

14 Satria lazaiko amina, fa raha tsy nahinjiny ny tànany

ho fitsimbinana ny razantsika, dia tsy maintsy ho efa nianjera teo an-tànan’ ny Lamanita izy ary dia ho efa nijaly noho ny fankahalany.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo fitenana ireo tamin’ ny zanany lahy i Benjamîna mpanjaka, dia natolony azy ny fiandraiketana ny raharaha rehetra momba ny fanjakany.

16 Ary ankoatra izany, dia natolony azy koa ny fiandraiketana ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin’ ny “takela-barahina; ary koa ny takelak’ i Nefia; ary koa ny ^bsabatr’ i Labàna sy ny “bola na ilay mpitari-dalana izay nitarika ny razantsika namakivaky ny tany foana, izay efa nomanin’ ny tànan’ ny Tompo, ka tamin’ izany no nahazoana nitarika azy, arakaraka ny fitandremana sy ny fahazotoana izay nasehon’ ny tsirairay Taminy.

17 Noho izany, raha tsy nanampinoana izy, dia tsy nambinina na tsy nandroso tamin’ ny diany fa “niverina ilalana ary niharan’ ny fahasosoran’ Andriamanitra; ary noho izany dia nokapohina tamin’ ny mosary sy ny fahorianafy izy mba hanairana azy hahatsiaro ny adidiny.

18 Ary ankehitriny, ny zava-nitranga dia nandeha i Môsià ary nanao araka ny efa nandidian-drainy azy sy nilaza tamin’ ny vahoaka rehetra izay tany an-tanin’ i Zarahemlà, fa amin’

10a Òmnia 1:14.

b Môsià 2:30.

11a Môsià 5:8–12.

12a TSM Fahotana.

13a Heb. 6:4–6.

b Hel. 4:24–26.

d F&F 103:8–10.

16a Môsià 1:3.

b 1 Ne. 4:8–19;

TiM 1:13; F&F 17:1.

d 1 Ne. 16:10.

17a 1 Ne. 18:12–13.

izany no hahazoany mivory mioraka mba handeha hiakatra ao amin' ny tempoly ka handre ny teny izay holazain-drainy azy.

TOKO 2

Nandaha-teny tamin' ny olony i Benjamîna Mpanjaka—Nampahatsiahy ny rariny sy ny hitsiny ary ny fiainam-panahy tamin' ny fitondrany izy—Notolorany hevitra izy hanompo ny Mpanjakany any an-danitra—Ireo izay nikomy tamin' Andriamanitra dia hiaritra fitaintainana toy ny afo tsy mety maty. Tokony ho 124 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy nanao araka izay efa nandidian-drainy azy i Môsià, sy efa nanao filazana eran' ny tany manontolo, dia niara-nifamory ny vahoaka eran' ny tany manontolo mba hahazoany mandeha miakatra ao amin' ny tempoly handre ny teny izay holazain' i Benjamîna mpanjaka aminy.

2 Ary be dia be ny isany, maro loatra aza ka tsy nisainy izy; fa efa nitombo fatratra tokoa sy nihabetsaka tamin' ny tany izy.

3 Ary nitondra tamin' ny "voalohan-teraky ny biby fiompiny izy mba hahazoany manatitra ^b sorona sy ^a fanatitra odorana ^e araka ny lalàn' i Mosesy;

4 Ary koa mba hahazoany manolotra fisaorana ny Tompo Andriamaniny izay efa nitondra

azy niala ny tanin' i Jerosalema sy izay efa nanafaka azy tamin' ny tanaan' ny fahavalony ary efa "nanendry olona marina ho ^b mpampianatra azy ary koa lehilahy marina iray ho mpanjakany izay efa nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny "tanin' i Zarahemlà sy izay efa mpianatra azy ^e hitandrina ny didin' Andriamanitra mba hahazoany mifaly sy ho fenon' ny ^f fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra.

5 Ary ny zava-nitranga, rehefa niakatra teo amin' ny tempoly izy, dia samy nanangana ny lainy manodidina, ny lehilahy tsirairay araka ny "fianakaviany avy izay nahitana ny vadiny sy ny zanany lahy ary ny zanany vavy ary ny zanany lahy sy ny zanany vavy, hatramin' ny zokin' ny indrindra ka hatramin' ny zandriny indrindra, samy nitsitokotoko isam-pianakaviany avy.

6 Ary izy ireo dia nanangana ny lainy nanodidina ny tempoly, ny lehilahy tsirairay dia nanana ny "lainy izay nitodika tany amin' ny tempoly ny varavaran' ny, ka tamin' izany izy dia afaka nitoetra tao an-dainy sy mandre ny teny izay holazain' i Benjamîna mpanjaka aminy;

7 Fa be loatra ny valalabemandry ka tsy afaka mpianatra azy rehetra tao anatin' ny rindrin' ny tempoly i Benjamîna mpanjaka, koa nataony izay hanan-

2 3a Gen. 4:4.
b TSM Sorona.
d 1 Ne. 5:9.
e 2 Ne. 25:24;
Almà 30:3; 34:13-14.

4a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.
b Môsià 18:18-22.
TSM Mampianatra.
d Ômnia 1:12-15.

e Jao. 15:10.
f TSM Fitiavana.
5a TSM Fianakaviana.
6a Eks. 33:8-10.

ganana tilikambo iray, fa amin' izany no mety handrenesan' ny olona ny teny izay holazainy aminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia namomboka niteny tamin' ny olony avy teo amin' ny tilikambo izy; ary izy rehetra dia tsy afaka nandre ny teniny noho ny habetsahan' ny valalabemandry; noho izany, ny teny nolazainy dia nasainy nosoratana sy nalefa tany anivon' ireo izay tsy takatry ny hiakan' ny feony mba hahazoan' ireny koa mandray ny teniny.

9 Ary izao ny teny izay “nolazainy sy nasainy nosoratana, manao hoe: Ry rahalahiko, ianareo rehetra izay efa niara-nivory, ianareo izay afaka mandre ny teniko izay holazaiko anareo anio; satria tsy nandidy anareo ho tonga etoana aho mba hama-zivazy ny teny izay holazaiko fa ny mba hihainoanareo ahy kosa sy hanokafanareo ny sofinareo mba hahazoanareo mandre ary ny fonareo mba hahazoanareo mahatakatra, ary ny sainareo ka ny misterin' Andriamanitra dia ho azo velabelarina ho an' ny fandinihanareo.

10 Izaho dia tsy nandidy anareo ho tonga etoana mba hahoranareo ahy na hiheveranareo fa ny tenako dia mihoatra noho ny olona mety maty.

11 Fa izaho dia tahaka ny tenanareo andairan' ny karazany rehetra amin' ny rofin' ny vata-

na sy ny saina; kanefa dia efa nofinidin' ity vahoaka ity aho, ary natokan' ny raiko sy navelan' ny tanan' ny Tompo mba ho mpanapaka sy ho mpanjakan' ity vahoaka ity; ary dia efa notehirizina sy notsimbina tamin' ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin' ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen' ny Tompo ahy.

12 Lazaiko aminareo fa efa navela aho handany ny androko amin' ny fanompoana anareo na dia hatramin' izao fotoana izao aza, ary tsy nikatsaka volamena na volafotsy na izay mety ho karazana harena taminareo aho;

13 Sady tsy navelako hahiboka tao an-tranomaizina ianareo, no tsy navelako hifanandevo ianareo samy ianareo, na hamono olona, na handroba, na hangalatra, na hanao fijangajangana; tsy navelako ataonareo mihitsy rehefa mety ho fomban' ny faharatsiana, ary efa nampianariko anareo fa ianareo dia tokony hitandrina ny didin' ny Tompo amin' ny zavatra rehetra izay efa nandidiany anareo—

14 Ary na dia ny tenako aza dia efa nampiasa ny tanako mba hahazoako manompo anareo sy mba tsy hovesarana amin' ny hetra ianareo ary mba tsy hisy na inona na inona hianjady aminareo izay sarotra zakaina—ary ny amin' ireo zavatra rehetra izay efa nolazaiko ireo dia ny

9a Môsià 8:3.
b F&F 6:12.
d TSM Mihaino.
e Môsià 12:27;

3 Ne. 19:33.
f TSM Saina.
g TSM Misterin' Andriamanitra.

10a TSM Tahotra.
12a Asa 20:33–34.
14a 2 Tan. 9:18.

tenanareo ihany no vavolombelona anio.

15 Kanefa, ry rahalahiko, tsy nanao ireo zavatra ireo aho mba hahazoako mirehareha, sady tsy milaza ireo zavatra ireo koa aho mba hahazoako miampananga anareo amin' izany; fa lazai-ko anareo kosa ireo zavatra ireo mba hahalalanareo mahalalala fa izaho dia afaka manamarina ny "fieritreretana madio eo anoloan' Andriamanitra anio.

16 Indro, lazaiko aminareo, satria nolazaiko taminareo fa efa nandany ny androko tamin' ny fanompoana anareo aho, dia tsy noho izaho maniry ny hirehareha, satria izaho dia tsy nanao afa-tsy ny nanompo an' Andriamanitra.

17 Ary indro, lazaiko aminareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mianatra "fahendrena, mba hahazoanareo mianatra fa rehefa eo amin' ny ^bfanompoana ny "mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitra-reo ianareo.

18 Indro, efa nantsoinareo hoe mpanjakanareo aho; ary raha izaho izay antsoinareo hoe mpanjakanareo aza dia miasa mba "hanompo anareo, moa va ianareo tsy mba tokony hiasa mba hifanompo ianareo samy ianareo?

19 Ary indro koa, raha izaho izay antsoinareo hoe mpanja-

kanareo izay efa nandany ny androny tamin' ny fanompoana anareo, ary mbola eo am-panompoana an' Andriamanitra anefa, dia mendrika izay mety ho fisaorana avy aminareo, Ô tsy mainka va ny tokony "hisaoranareo ny Mpanjakanareo any an-danitra!

20 Lazaiko aminareo, ry rahalahiko, fa raha manatitra ny fisaorana sy ny "fiderana rehetra araka ny hery ananan' ny fana-hinareo manontolo ianareo, ho an' Ilay ^bAndriamanitra izay efa nahary anareo, ary efa nitahiry sy nitsimbina anareo, ary efa nanao izay tokony hifalianareo, ary efa namela anareo samy ianareo hiaina am-pilaminana —

21 Lazaiko aminareo fa raha manompo Azy izay efa nahary anareo hatrany am-piandohana ianareo sy mitahiry anareo isan' andro isan' andro amin' ny fampindramana anareo fofon' aina mba hahazoanareo miaina sy mihetsika ary manao araka ny "sitraponareo, ary manohana mihitsy anareo ombieny ombieny—Lazaiko fa raha manompo Azy amin' ny fanahinareo rehetra sy manontolo ianareo, dia mbola ho mpanompo ^btsy hasoa ihany ianareo.

22 Ary indro, ny hany takiany aminareo dia ny "hitandrina ny ^bdidiny; ary efa nampanantena anareo Izy fa raha mitandrina ny didiny ianareo dia hirobo-

15a TSM Fieritreretana.

17a TSM Fahendrena.

^b Mat. 25:40;

Jakoba 1:27;

F&F 42:29–31.

TSM Fanompoana.

^d TSM Rahalahy;

Rahavavy.

18a Mat. 20:26–27.

19a TSM Misaotra.

20a 1 Ne. 18:16.

^b TSM Andriamanitra.

21a TSM Safidy.

^b Lio. 17:7–10.

22a Lev. 25:18–19;

2 Ne. 1:9.

^b TSM Didin'

Andriamanitra.

robo eo amin' ny tany; ary tsy ^dmivadika na oviana na oviana amin' ny efa nolazainy Izy; noho izany, raha ^emitandrana ny di-diny ianareo dia mitahy anareo tokoa Izy sady mampiroborobo anareo.

23 Ary ankehitriny, voalohany indrindra, Izy dia efa nahary anareo sy nanome anareo ny ainareo ka raiki-trosa Aminy ianareo.

24 Ary faharoa, dia takiany ny hanaovanareo araka ny efa nandidiany anareo; fa raha manao araka izany ianareo, dia ^emitahy anareo avy hatrany Izy; ary noho izany dia efa manonitra anareo Izy. Ary ianareo kosa dia mbola raiki-trosa Aminy, sy raiki-trosa, ary ho raiki-trosa mandrakizay mandrakizay; noho izany, inona no mampirehareha anareo?

25 Ary ankehitriny manontany aho, moa va ianareo afaka milaza na inona na inona akory momba ny tenanareo? Mamaly anareo aho, Tsia. Ianareo dia tsy afaka milaza akory fa ianareo dia mitovy amin' ny vovoky ny tany; kanefa ianareo dia ^enohariana avy tamin' ny ^bvovoky ny tany; nefa indro izany dia an' Ilay nahary anareo.

26 Ary izaho, na dia izaho izay antsoinareo hoe mpanjakanareo aza, dia tsy tsaratsara kokoa noho ny tenanareo; fa izaho koa dia avy amin' ny vovoka. Ary hitanareo fa efa antitra aho ary efa madiva ny hamerina ity

vatana mety maty ity amin' ny tany niaviany.

27 Noho izany, toy ny nilazako taminareo fa efa nanompo anareo aho, ^enandeha tamin' ny fieuritretetana madio teo anoloan' Andriamanitra, dia toy izany koa amin' izao fotoana izao no efa nanaovako izay hivorianareo miaraka mba ho hita tsisy tsiny aho ary mba tsy havalay ahy ny ^branareo rehefa hijoro aho mba hotsarain' Andriamanitra amin' ny zavatra izay efa nandidiany ahy momba anareo.

28 Lazaiko aminareo fa efa nanao izay hivorianareo miaraka aho mba hahazoako ^emanaisotra ny ranareo hiala amin' ny fitafiako amin' izao fotoana madiva hidinako any am-pasana izao, mba hahazoako midina ampiadanana ary mba hahazoan' ny ^bfanahiko tsy mety maty mikambana amin' ny ^damboaram-peo ao ambony amin' ny fihirana fiderana an' Ilay Andriamanitra marina.

29 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa efa nanao izay hivorianareo miaraka aho mba hahazoako milaza aminareo fa tsy afaka ny ho mpampianatra anareo intsony aho na ny ho mpanjakanareo;

30 Fa na dia amin' izao fotoana izao aza, ny vatako manontolo dia mangozohozo izatsizy tokoa raha mbola eo am-piezahana ny hiteny aminareo aho; saingy ny Tompo Andriamanitra no

22d F&F 3:1–2.
^e F&F 14:7; 58:2–3.
 24a TSM Fintahiana.
 25a TSM Fahariana.

^b Gen. 3:19; Jakôba 2:21.
 27a TSM Mandeha,
 Mandeha Miaraka
 amin' Andriamanitra.

^b Jakôba 1:19.
 28a Jakôba 2:2.
^b TSM Fanahy.
^d Môrm. 7:7.

manohana ahy sy efa namela ahy hiteny aminareo ary efa nandidy ahy ny tsy maintsy hilazako aminareo anio fa i Môsià zanako lahy no mpanjaka sy mpanapaka eo aminareo.

31 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia mba tiako ny hanaovanareo toy izay efa nataonareo hatrizao. Toy ny efa nitandremanareo ny didiko ary koa ny didin' ny raiko, ary efa niroborobonareo sy efa nitsimbinana tsy ho latsaka eo an-tànan' ny fahavalonareo, dia toy izany koa, raha mitandrina ny didin' ny zanako lahy ianareo na ny didin' Andriamanitra, izay hatolotra anareo amin' ny alalany, dia hiroborobo amin' ny tany ianareo, ary ny fahavalonareo dia tsy hanan-kery aminareo.

32 Nefa, ry oloko, mitandrema fandrao hitranga eo anivonareo ny "fifandirana, ary hofidianareo ny hankatò ny fanahy ratsy izay efa noresahan' i Môsià raiko.

33 Fa indro, misy loza efa voatonona ho an' izay mifidy ny hankatò izany fanahy izany; satria raha mifidy ny hankatò azy izy sy mitoetra ary maty ao amin' ny fahotany, dia misotro "fanamelohana ho an' ny fanahiny ihany izy; fa mandray ny ^bfamaizana maharitra mandrakizay ho karamany izy, rehefa nandika ny lalàn' Andriamanitra mifanohitra amin' ny fahalalany ihany.

34 Lazaiko aminareo fa tsy misy na dia iray aza aminareo, afa-tsy ny zanakareo madinika

izay tsy nampianarina ny momba ireo zavatra ireo, izay tsy mahalala fa ianareo dia raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra mba hamerina Aminy izay rehetra anananareo sy ny maha-ianareo anareo; ary koa izay tsy nampianarina ny momba ireny rakitsoratra izay mitahiry ny faminaniana izay efa nolazain' ny mpaminany masina, na dia hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia raintsika an' i Jerosalema aza;

35 Ary koa, izay rehetra efa nolazain' ny razantsika hatramin' izao. Ary indro koa izy ireo dia nilaza izay efa nandidian' ny Tompo azy ireo; noho izany dia mahitsy sy marina ireny.

36 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo ry rahalahiko fa rehefa avy nahalala sy nampianarina ireo zava-drehetra ireo ianareo, raha mandika lalàna ianareo sy mandeha manohitra izay efa voalaza, dia mampihataka ny tenanareo amin' ny Fanahin' ny Tompo, hany ka tsy mety hanana toerana ao aminareo Izy mba hitarika anareo amin' ny lalàn' ny fahendrena hahazoana mitahy sy mampiroborobo ary mitsimbina anareo —

37 Lazaiko aminareo fa ny olona izay manao izany dia miroso amin' ny "fikomiana an-kitsirano amin' Andriamanitra; noho izany izy dia misafidy ny hankatò ny fanahy ratsy ary tonga fahavalon' ny fahamarinana rehetra; noho izany, ny Tompo dia tsy manan-toerana ao aminy,

32a 3 Ne. 11:29–30.

33a TSM Fahamelohana.

b F&F 19:6, 10–12.

37a Môsià 3:12;

Hel. 8:24–25.

TSM Fikomiana.

satria tsy mitoetra ao amin' ny ^btempoly tsy masina Izy.

38 Noho izany raha tsy “mi-bebaka izany olona izany, ary mitoetra sy maty fahavalon’ Andriamanitra, ny fitakian’ ny ^bfahamarinan’ Andriamanitra dia ny hamohazana ny fanahiny tsy mety maty ho amin’ ny fahatsapana mivaivay tokoa ny ^ahelony ihany izay mahatonga azy hitakemotra hiala ny fanatrehana ny Tompo sy mameno ny tratrany amin’ ny heloka sy ny fanaintainana ary ny fitaintainana izay toy ny afo tsy mety maty, izay misondrotra mandrakizay mandrakizay ny lelafony.

39 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo fa tsy manan-jo amin’ izany olona izany ny “famin-dram-po; noho izany ny fara-fanamelohana azy dia ny fiaretana fijaliana tsy mifarana na oviana na oviana.

40 Ry lahiantitra rehetra ô, ary koa ianareo tovolahy sy ianareo ankizy madinika izay mety mahatakatra ny teniko, satria efa niteny taminareo tamimpahatsorana tokoa aho mba hahazoanareo mahatakatra, mivavaka aho mba hifohazanareo ho amin’ ny “fahatsiarovana ny toerana mahatsiravina misy ireo izay efa lavo noho ny fandikandalàna.

41 Ary ankoatra izany dia mba maniry aho ny hisaintsainanareo ny toetry ny fitahiana sy “fahasambaran’ ireo izay mitan-

drina ny didin’ Andriamanitra. Fa indro izy ireo dia ^btahiana amin’ ny zava-drehetra, na aranofo na ara-panahy; ary raha mitoetra ho “mahatoky hatramin’ ny farany izy ireo dia rai-sina any ^aan-danitra, fa amin’ izany no hahazoany miara-monina amin’ Andriamanitra ao amin’ ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana. Ô tsarovy, tsarovy fa ireo zavatra ireo dia marina; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany.

TOKO 3

Nanohy ny lahatenininy i Benjamîna Mpanjaka—Hanompo ny olona ao amin’ ny tabernakely tanimanga ny Tompo Tsitoha—Hivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra rehefa hanonitra ny fahotan’ izao tontolo izao Izy—Ny Azy no hany anarana izay iavian’ ny famonjena—Afaka nanaisotra ny maha-nofa azy ny olona ary nanjary Olomasina tamin’ ny alalan’ ny sorompanavotana—Ho toy ny farihy afo sy solifara ny fijalian’ ny olon-dra-tsny. Tokony ho 124 talohan’ i J.K.

ARY koa ry rahalahiko, te hisintona ny sainareo aho fa somary manana hotenenina misimisy aminareo aho; fa indro, mananjavatra holazaina anareo aho momba izay ho avy.

2 Ary ny zavatra izay holazaiko anareo dia nampahafantaran’ ny

37b Almà 7:21.

38a TSM Fibebahana.

b TSM Fahamarinana.

d TSM Heloka.

39a Almà 34:8–9, 15–16.

TSM Famindram-po.

40a Almà 5:18.

41a 4 Ne. 1:15–18.

TSM Fifaliana.

b TSM Fitahiana.

d F&F 6:13.

e TSM Lanitra.

"anjely iray avy amin' Andriamanitra ahy. Ary hoy izy tamiko: Mifohaza; dia nifoha aho, ary indro nijoro nanoloana ahy izy.

3 Ary hoy izy tamiko: Mifohaza ary henoy ny teny izay holazainko anao; fa indro, efa tonga aho hilaza aminao "vaovao mahafaly sady fifaliana lehibe.

4 Fa efa nandre ny fivavakao ny Tompo ary efa nitsara ny fahamarinanao sy efa naniraka ahy hilaza aminao fa mahazo mifaly ianao; ary mahazo milaza amin' ny olonao ianao mba ho feno fifaliana koa izy.

5 Fa indro, avy ny fotoana ary tsy dia lavitra loatra izany, ka ny "Tomo Tsitoha izay manjaka, izay nisy ary misy hatrizay ka ho mandrakizay, dia hidina amin-kery avy any an-danitra ho eo anivon' ny zanak' olombelona sy honina ao amin' ny ^btabernakely tanimanga sy handeha eo anivon' ny olona ary hanao ^dfahagagana lehibe toy ny fanasitranana ny marary, ny fananganana ny maty, ny fampandehanana ny mandringa, ny fampahiratana ny jamba, ny fampahaladiana ny marenina, ary ny fanasitranana ny karan' aretina rehetra.

6 Ary horoahiny hiala ny

"devoly, na ny fanahy ratsy izay mitoetra ao am-pon' ny zanak' olombelona.

7 Ary indro hiaretany ny "fakampanahy sy ny fanaintainan' ny vatana, dia ^bhanoanana, hetaheta ary harerahana na dia mihoatra noho izay azon' ny olona ^dzakaina aza izany kanefa tsy hatramin' ny fahafatesana; fa indro mivoaka ny mason-koditra rehetra ny ^era, fa ho lehibe loatra ny ^ffitaintainany noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny olony.

8 Ary hantsoina hoe "Jesoa Kristy Izy, Ilay ^bZanak' Andriamanitra, ny "Rain' ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zavadrehetra hatrany am-piandohana; ary ny ^ereniny dia hantsoina hoe ^fMaria.

9 Ary indro tonga any amin' ny azy Izy mba hahatongavan' ny "famondra amin' ny zanak' olombelona, noho ny ^bfinoana ny anarany; ary na dia eo aza izany rehetra izany dia hoheveriny ho toy ny olona Izy ary holazainy fa manana "devoly, ary dia ^ehokapohina sy ^fhohomboina Izy.

10 Ary "hitsangana amin' ny maty Izy amin' ny andro ^bfahatelo; ary indro, mijoro Izy mba

3 2a TSM Anjely.

3a Lio. 2:10-11.

5a TSM Jehovah.

b Môsià 7:27;

Almà 7:9-13.

d Mat. 4:23-24; Asa

2:22; 1 Ne. 11:31.

TSM Fahagagana.

6a Mar. 1:32-34.

7a TSM Fakam-panahy.

b Mat. 4:1-2.

d F&F 19:15-18.

e Lio. 22:44.

f Isa. 53:4-5.

8a TSM Andriamanitra—

Andriamanitra

Zanaka.

b Almà 7:10.

d Hel. 14:12; 3 Ne. 9:15.

e Mat. 1:16;

1 Ne. 11:14-21.

f TSM Maria, Renin' i

Jesoa.

9a TSM Famondra.

b TSM Finoana.

d Jao. 8:48.

e Mar. 15:15.

f Lio. 18:33;

1 Ne. 19:10;

2 Ne. 10:3.

TSM Fanomboana.

10a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

b Mat. 16:21;

2 Ne. 25:13;

Hel. 14:20-27.

^dhitsara izao tontolo izao; ary indro, ireo zavatra rehetra ireo no atao dia ny mba hiavian' ny fitsarana marina amin' ny zanak' olombelona.

11 Fa indro, ary ny ^arany koa dia ^bmanonitra noho ny fahotan' ireo izay efa ^dlavo noho ny fandikan-dalàn' i Adama, izay efa maty tsy nahalala ny sitrapon' Andriamanitra momba azy ireo, na izay efa nanota tao amin' ny ^etsy fahalalana.

12 Nefa loza, lozan' izay mahalala fa ^amikomy amin' Andriamanitra izy! Fa tsy ho tonga amin' ny toa azy ny famonjena raha tsy amin' ny alàlan' ny fibebahana sy ny finoana an' i ^bJesoa Kristy Tompo.

13 Ary ny Tompo Andriamanitra dia efa naniraka ny mpaminaniny masina tany anivon' ny zanak' olombelona rehetra hilaza ireo zavatra ireo amin' ny foko, ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra, ka amin' izany na zovy na zovy no hino fa ho avy i Kristy, dia handray ny ^afamelana ny fahotany izy ary hifaly amim-pifaliana lehibe izaitsizy tokoa, ^bmiova tsy ny efa tonga teo anivony sahady Izy.

14 Kanefa ny Tompo Andriamanitra dia nahita fa vahoaka

mafy hatoka ny olony, ary no-tendreny ho azy ny lalàna dia ny ^alalàn' i Mosesy.

15 Ary famantarana maro sy fahagagana ary ^afambara sy tandindona no nasehony azy momba ny fiaviany; ary ny mpaminany masina koa dia nilaza taminy ny amin' ny fiaviany; ary dia mbola nanamafy ny fony anefa izy ary tsy nahatakatra fa tsy mahasoa na amin' inona na amin' inona ny ^blalàn' i Mosesy raha tsy amin' ny alalan' ny sorompanavotana amin' ny rany.

16 Ary raha toa aza ka ho azo natao ny mihevitra fa afaka manota ny ^aankizy madinika, dia tsy ho azo vonjena izy ireny; nefa izaho milaza aminareo fa efa ^btahiana izy ireny; fa indro, toy ny mahalavo azy ireny ao amin' i Adama, na noho ny toetenany, dia toy izany no anoneran' ny ran' i Kristy ny fahotan' izy ireny amin' ny sorompanavotana.

17 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa ^atsy hisy anarana hafa omena na lalan-kafa na fomba izay mety hahatongavan' ny ^bfamonjena amin' ny zanak' olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin' ny alalan' ny anaran' i ^dKristy ihany, Ilay Tompo Tsitoha.

10d tsm Fitsarana.

11a tsm Ra.

^b tsm Sorompanavotana.

^d tsm Fahalavaon' i Adama sy i Eva.

^e 2 Ne. 9:25–26.

12a Môsià 2:36–38;

Hel. 8:25.

tsm Fikomiana.

^b tsm Tompo.

13a tsm Famelana ny Fahotana.

^b 2 Ne. 25:24–27;

Jarôma 1:11.

14a tsm Lalàn' i Mosesy.

15a tsm Jesoa Kristy—Tandindona na sarinteny momba an' i Kristy.

^b Môsià 13:27–32.

16a tsm Zanaka.

^b Môrô. 8:8–9.

17a Asa 4:10–12;

2 Ne. 31:21.

^b tsm Famonjena.

^d tsm Jesoa Kristy—Fitondrantsika eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

18 Fa indro mitsara Izy, ary ny fitsarany dia mahitsy; ary tsy maty ny zaza izay maty ao amin' ny fahazazany; fa ny olona kosa dia misotro fanamelohana ho an' ny fanahiny ihany raha tsy manetry tena izy ary "tonga tahaka ny ankizy madinika ary mino fa ny famonjena dia efa tao sy ao ary ho tonga ao sy amin' ny alalan' ny ^bran' ny sorompanavotan' i Kristy, Ilay Tompo Tsitoha.

19 Fa ny olona "araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, ary efa toy izany hatramin' ny ^bfahalavoan' i Adama ary mbo-la ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy "manai-ky ny fitaoman' ny "Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga ^folomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ^sankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin' ny zava-drehetra izay hitan' ny Tompo fa mety ampi-tondraina azy, dia tahaka ny zaza manoa an-drainy.

20 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, ka ny "fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran' ny ^bfirenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay.

21 Ary indro rehefa tonga izany fotoana izany, dia tsy hisy ho hita "tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny ankizy madinika, raha tsy amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny finoana ny anaran' ny Tompo Andriamanitra Tsitoha ihany.

22 Ary na dia amin' izay fotoana izay aza, rehefa avy nampianarinao ny olonao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo Andriamanitrao anao, na dia amin' izay aza dia tsy hita tsisy tsiny intsony eo imason' Andriamanitra izy raha tsy araka ny teny izay efa nolazaiko anao ihany.

23 Ary ankehitriny dia efa nolazaiko ireo teny izay efa nandidian' ny Tompo Andriamanitra ahy.

24 Ary izao no lazain' ny Tompo: Ireo no hijoro ho toy ny vavolombelona mazava hiam-panga ity vahoaka ity amin' ny andro fitsarana; amin' ireo no hitsarana azy, ny olona tsirairay araka ny asany avy, na tsara izany, na ratsy izany.

25 Ary raha ratsy izany, dia ahiboka ao amin' ny "fahitana mahatsiravina ny helony sy ny fahavetavetany ihany izy, izay mahatonga azy hitakemotra hiala ny fanatrehana ny Tompo ho ao amin' ny toetry ny ^bfahantrana sy fijaliana tsisy fiafarany, izay tsy ahafahany miverina ilà-

18a Mat. 18:3.

^b Môsià 4:2;

Hel. 5:9.

19a 2 Tan. 2:11–14;

Môsià 16:2–3.

^{tsm} Olona araka

ny Nofo.

^b ^{tsm} Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

^d 2 Tan. 30:8.

^e Môrô. 10:4–5.

^{tsm} Fanahy Masina.

^f ^{tsm} Olomasina.

^g 3 Ne. 9:22.

20a F&F 3:16.

^b ^{tsm} Asa Fitoriana.

21a ^{tsm} Ampamoahina,

Ampamoaka.

25a Almà 5:18; 12:14–15.

^b Môrm. 8:38.

lana intsony; noho izany izy dia efa nisotro fanamelohana ho an' ny fanahiny.

26 Noho izany izy dia efa nisotro tamin' ny kapoaky ny fahatezeran' Andriamanitra, izay tsy azon' ny hitsiny lavina aminy intsony, toy ny tsy nahazoan' izany nandà fa i "Adama dia ho lavo noho ny fihinanany tamin' ny ^bvoankazo voarara; noho izany, dia tsy manan-jo aminy mandrakizay intsony ny ^afamin-dram-po.

27 Ary ny ^afijaliany dia toy ny ^bfarihy afo sy solifara, ka ny lelafony dia tsy mety maty ary ny setrony dia miakatra mandrakizay mandrakizay. Izay no efa nandidian' ny Tompo ahy. Amena.

TOKO 4

Nanohy ny lahateniny i Benjamîna Mpanjaka — Ny nahatongavan' ny Famonjena noho ny sorompanavotana — Minoa an' Andriamanitra mba hovanjena — Tano ny famelana ny fahotanareo amin' ny alalan' ny fahatokiana — Izarao amin' ny fananareo ny mahantra — Ataovy amim-pahendrena sy amim-pilaminana ny zava-drehetra. Tokony ho 124 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny filazana ny teny izay efa nolazain' ny anjelin' ny Tompo taminy i

Benjamîna mpanjaka, dia natopiny manodidina ny masony tany amin' ny valalabemandry, ka indro fa efa lavo tamin' ny tany izy fa efa tonga taminy ny ^afahatahorana ny Tompo.

2 Ary efa nahita ny tenany tao amin' ny ^atoetra araka ny nofo avy izy, izay ^bambany kokoa noho ny vovon-tany. Ary nihia-ka mafy tamin' ny feo tokana izy rehetra nanao hoe: Ô, mamindrà fo, ary ampiharo ny ^aran' ny sorompanavotan' i Kristy hahazoanay mandray ny famelana ny fahotanay sy hahazoana manadio ny fonay; fa izahay dia mino an' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, izay ^anahary ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra; izay hidina etỳ an-tany ho eo anivon' ny zanak' olombelona.

3 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany izy, dia nidina teo aminy ny Fanahin' ny Tompo, ary feno fifaliana izy rehefa nandray ny ^afamelana ny fahotany sy nahazo fiadanana-^btsaina noho ny ^afinoana fattratra izay nananany tao amin' i Jesoa Kristy izay ho avy, araka ny teny izay efa nolazain' i Benjamîna mpanjaka taminy.

4 Ary nisoka-bava indray i Benjamîna mpanjaka, sy nanomboka niteny taminy, nanao hoe: Ry sakaizako sy rahalahiko, ry havako sy oloko, te hisintona indray ny sainareo aho mba

26a Môrm. 9:12.

^b Gen. 3:1–12;

2 Ne. 2:15–19;

Almà 12:21–23.

^d TSM Famindram-po.

27a TSM Heloka.

^b 2 Ne. 9:16;

Jakôba 6:10;

F&F 76:36.

4 1a TSM Tahotra.

2a TSM Ara-nofo.

^b Hel. 12:7–8.

^d Môsià 3:18; Hel. 5:9.

^e TSM Fahariana.

3a TSM Famelana ny Fahotana.

^b TSM Fieritreretana.

^d TSM Finoana.

hahazoanareo mandre sy maha-
zo ny teniko sisa izay holazaiko
anareo.

5 Fa indro, raha ny fahalalana
ny hatsaram-pon' "Andriamanitra
amin' izao fotoana izao no
efa nanaitra anareo ho amin'
ny fahatsapana ny mahatsi-
nontsinona anareo sy ny maha-
tsisy vidiny ary ny maha-lavo
anareo—

6 Lazaiko aminareo fa rehefa
tonga amin' ny "fahalalana ny
hatsaram-pon' Andriamanitra
ianareo sy ny heriny tsy manan-
tsahala ary ny fahendreny sy
ny faharetany ary ny fahari-po-
ny amin' ny zanak' olombelona;
ary koa ny ^bsorompanavotana
izay efa voaomana hatry ny
^afanorenana izao tontolo izao,
ka amin' izany no hahatonga-
van' ny famonjena amin' izay
hametraka ny "fitokiany amin'
ny Tompo sy hazoto hitandrina
ny didiny ary hitozo amin' ny
finoana mandra-pahatapitry ny
ainy, ny tiako holazaina dia ny
ain' ny vatana mety maty—

7 Lazaiko, fa izany no olona
izay mandray ny famonjena
amin' ny alalan' ny sorompana-
votana izay efa nomanina hatry
ny fanorenana izao tontolo izao
ho an' ny olombelona rehetra,
izay efa niaina hatrizay "nahala-
vo an' i Adama, na izay velona,
na izay mbola hiaina, na dia

hatrany amin' ny faran' izao
tontolo izao aza.

8 Ary izany no fomba hiavian'
ny famonjena. Ary "tsy misy fa-
monjena hafa afa-tsy io izay efa
voalaza io; sady tsy mety hisy
koa fepetra izay hahazoana ma-
monjy ny olona afa-tsy ny fepe-
tra izay efa nolazaiko anareo.

9 Minoa an' Andriamanitra;
minoa fa misy Izy, ary Izy no
nahary ny zava-drehetra, na any
an-danitra na etỳ an-tany; minoa
fa Izy dia manana ny "fahen-
drena rehetra sy ny fahefana
rehetra, na any an-danitra na
etỳ an-tany; minoa fa ny olona
dia tsy ^bmahatakatra ny zava-
drehetra izay azon' ny Tompo
takarina.

10 Ary koa, minoa fa ianareo
dia tsy maintsy "mibebaka
amin' ny fahotanareo ary man-
dao izany sy manetry ny tenana-
reo eo anoloan' Andriamanitra;
ary mangataka amin-kitsim-po
mba ^bhamelany anareo; ary an-
kehitriny, raha ^amino izany za-
vatra rehetra izany ianareo dia
ezaho izay ^aanaovanareo izany.

11 Ary lazaiko indray amina-
reo, toy ny efa voalazako teo
aloha, fa tahaka ny efa ahaton-
gavanareo amin' ny fahalalana
ny voninahitr' Andriamanitra,
na raha efa nahalala ny hatsa-
ram-pony sy efa "nanandrana
tamin' ny fitiavany ianareo ary

5a Mos. 1:10.

6a TSM Andriamanitra.

b TSM Sorompanavo-
tana.

d Môsià 15:19.

e Sal. 36:7; 2 Ne. 22:2;
Hel. 12:1.

TSM Matoky.

7a TSM Fahalavaon' i
Adama sy i Eva.

8a Asa 4:12; 2 Ne. 31:21;
Môsià 3:17.

9a Roma. 11:33–34;
Jakôba 4:8–13.

b Isa. 55:9.

10a TSM Fibebehana.

b F&F 61:2.

d Mat. 7:24–27.

e 2 Ne. 31:19–21.

11a Almà 36:24–26.

efa nandray ny ^bfamelana ny fahotana, izay mahatonga fialiana lehibe izaitsizy tokoa ao amin' ny fanahinareo, dia taha-ka izany no mba hitiavako ny hahatsiarovanareo sy hitanana-reo mandrakariva ao amin' ny fahatsiarovana ny halehibeazan' Andriamanitra sy ny ^dmahatsi-nontsinona anareo ary ny ^ehatsaram-pony sy ny fahari-pony aminareo, voary tsy mendrika, ary ny hanetrenareo ny tenanareo ao amin' ny ^ffanetren-tena lalina amin' ny ^gfiantsoana ny anaran' ny Tompo isan' andro sy amin' ny fiorenana mafy tokoa amin' ny finoana an' Ilay ho avy izay efa nolazain' ny vavan' ny anjely.

12 Ary indro, lazaiko aminareo fa raha manao izany ianareo, dia hifaly mandrakariva ianareo sy ho feno ny ^afitiavana an' Andriamanitra ary ^bhitana mandrakariva ny famelana ny fahotana; ary ianareo dia hitombo ao amin' ny fahalalana ny voninahitr' ilay nahary anareo, na ao amin' ny fahalalana an' izay mahitsy sy marina.

13 Ary tsy ho ao an-tsainareo ny hifandraatra fa ny hiaina kosa ^aamim-pilaminana sy hamaly ny olona tsirairay avy araka izay sahaza azy.

14 Ary tsy hamela ny ^azanaka-

reo ho noana na hitanjaka ianareo; sady tsy hamela azy koa handika ny lalàn' Andriamanitra, na ^bhiady, na hifanjihitra, na hanompo ny devoly izay tompon' ny fahotana, na ny fanahy ratsy izay efa nolazain' ny razantsika, noho izy fahavalon' ny fahamarinana rehetra.

15 Fa ^ahampianatra azy kosa ^bhandeha amin' ny lalàn' ny marina sy ny fahononam-po ianareo; hampianatra azy ^dhifankatia sy hifanompo ianareo.

16 Ary koa, ny tenanareo mihi-tsy no ^ahanampy ireo izay mila ny fanampianareo; hanome amin' ny fanananareo ho an' ny ory ianareo; ary ianareo dia tsy hamela ny ^bmpangataka izay manao ny fitalahoany aminareo hiala maina sy hanosi-bohon-tànana azy mba ho faty.

17 Angamba ^ahiteny ianareo hoe: Ilay olona no nahatonga ny fahantrany teo amin' ny tenany; noho izany dia hofihini-ko ny tànako ary tsy hanome azy amin' ny haniko aho, ary tsy hizara aminy amin' ny fananako aho mba tsy hijaliany, fa rariny ny famaizana azy—

18 Nefa lazaiko aminareo Rey olona, na zovy na zovy no manao izany dia izy no manana antony lehibe hibebahana; ary raha tsy mibebaka amin' izay

11b TSM Famelana ny Fahotana.
d Mos. 1:10.
e Eks. 34:6; Môrô. 8:3.
f TSM Fanetren-tena.
g TSM Vavaka.
12a TSM Fitiavana.
b Môsià 4:26;
Almà 4:13-14; 5:26-35;

F&F 20:31-34.
13a TSM Mpampihavana.
14a 1 Tim. 5:8;
F&F 83:4.
b TSM Fifandirana.
15a F&F 68:25-28;
Mos. 6:58.
TSM Mampianatra.
b TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.
d Môsià 18:21.
16a TSM Fiantrana;
Fanompoana.
b Deot. 15:7-11;
Ohab. 21:13;
Isa. 10:1-2.
17a Ohab. 17:5.

efa nataony izy, dia ho very mandrakizay ary tsy manana anjara ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

19 Fa indro, moa tsy mpangataka avokoa va isika? Moa va isika rehetra tsy miankina amin' Ilay Izy, dia Andriamanitra, amin' ny fananana rehetra izay ananantsika, na hanina, na fitafiana, na volamena, na volafotsy na ireo harena rehetra isan-karazany izay ananantsika?

20 Ary indro, na dia amin' izao fotoana izao aza, dia efa miantso ny anarany sy mangataka ny hamelana ny fahotanareo ianareo. Ary moa efa navelany ho zava-poana ve ny fangatahinareo? Tsia; efa nampidina ny Fanahiny taminareo Izy, ary efa nanao izay hahafeno "fifaliana ny fonareo sy efa nahatonga ny vavanareo ho gina ka tsy afaka niteny ianareo, fa lehibe izaitsizy tokoa ny fifalianareo.

21 Ary ankehitriny, raha Andriamanitra aza izay efa nahary anareo sy izay ianteheranareo amin' ny fiainanareo ary amin' izay rehetra anananareo sy ny maha-ianareo anareo manome anareo rehefa mety ho zavatra izay rariny ka angatahinareo amin' ny finoana, rehefa mino fa hahazo ianareo, Ô amin' izany, ahoana ianareo samy ianareo no tsy tokony "hifampizara amin' ny harena izay anananareo.

22 Ary raha ianareo aza, "mitsara ny olona izay maneho fitalahoana aminareo amin' ny

fanananareo mba tsy hahafaty azy, ary manameloka azy, tsy mainka va ara-drariny ny fanamelohana anareo noho ianareo^b mihirim-belona amin' ny fanananareo izay tsy anareo fa an' Andriamanitra izay tompon' ny fiainanareo koa; ary ianareo anefa dia tsy manao fitalahoa-na sady tsy mibebaka amin' ny zavatra izay efa vitanareo.

23 Lazaiko aminareo, lozan' izany olona izany fa hiara-levona aminy ny fananany; ary ankehitriny, lazaiko izany zavatra izany ho an' ireo izay "manan-karena raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao.

24 Ary koa, lazaiko amin' ny mahantra, ianareo izay tsy manana ary manana ny ampy anefa hivelomana isan' andro isan' andro; ny tiako holazaina dia ianareo rehetra izay tsy manome ny mpangataka, satria tsy manana ianareo; mba tiako ny hanaovanareo anakampo hoe: Tsy manome aho satria tsy manana, fa raha nanana kosa aho dia ho "nanome.

25 Ary ankehitriny, raha manao izany anakampo ianareo, dia mitoetra ho tsy manan-tsiny, fa raha tsy izany dia "meloka ianareo; ary araka ny hitsiny ny fahamelohanareo fa mitsiriritra izay tsy noraisinareo ianareo.

26 Ary ankehitriny, noho ny amin' ireo zavatra izay efa nolazaiko anareo ireo—izany hoe, noho ny amin' ny fitanana ny famelana ny fahotanareo

20a TSM Fifaliana.

21a TSM Fanompoana;
Asa Fanasoavana.

22a Mat. 7:1–2;

Jao. 7:24.
b 1 Jn. 3:17.

23a F&F 56:16.

24a Mar. 12:44.

25a F&F 56:17.

isan' andro isan' andro, ka hahazoanareo "mandeha tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra — dia mba tiako ny ^bhizaranareo amin' ny fanananareo amin' ny ^dmahantra, ny olona tsirairay dia araka izay ananany avy, toy ny ^efamahanana ny noana, ny fanafiana ny mitanjaka, ny famangiana ny marary sy ny fiahiana ny fanampiana azy, na ara-panahy na ara-batana, araka ny filàny.

27 Ary ezaho izay hanaovanareo ireo zavatra rehetra ireo amin' ny fahendrena sy ny filaminana; fa tsy takiana ny hihazakazahan' ny olona iray "hain-gana kokoa noho izay tratry ny heriny. Ary koa ilaina izy mba hazoto, fa amin' izany no mety hahazoany ny loka; noho izany, ny zava-drehetra dia tsy maintsy atao amim-pilaminana.

28 Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa na zovy na zovy aminareo no mindrana amin' ny namany, dia tokony hamerina ny zavatra izay indraminy araka izay ifanekena, fa raha tsy izany dia hanota ianao; ary angamba hanao izay hanotan' ny nama-nao koa.

29 Ary farany, izaho dia tsy afaka milaza aminareo ny zavatra rehetra izay mety hanotanareo; fa misy lalana sy fomba samihafa, be loatra aza ka tsy hitako hisaina izy ireny.

30 Saingy izao ihany no azoko

lazaina anareo, raha tsy "mitandrina ny tenanareo sy ny ^beritreritrareo ary ny ^dteninareo sy ny ataonareo ianareo, ary tsy mitandrina ny didin' Andriamanitra sy tsy mitozo amin' ny finoana an' izay efa renareo momba ny fiavian' ny Tompontsika ka ambara-pahatapitry ny ainareo, dia tsy maintsy ho faty ianareo. Ary ankehitriny, Rey olona ô, tsarovy, ary aoka tsy ho faty.

TOKO 5

Nanjary zanakalahy sy zanakavavin' i Kristy tamin' ny alalan' ny finoana ny olomasina — Nantsoina tamin' ny anaran' i Kristy izy tamin' izany — Namporisika azy hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina amin' ny asa soa i Benjamîna Mpanjaka. Tokony ho 124 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany tamin' ny olony i Benjamîna mpanjaka, dia nampaniraka tany anivony izy noho ny faniriany hahafantatra avy tamin' ny olony raha nino ny teny izay efa nolazainy taminy izy.

2 Ary nihiaka tamin' ny feo tokana izy rehetra, nanao hoe: Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao taminay izahay; ary fantatray koa fa azo antoka sy marina ireny, noho ny amin' ny Fanahin' ny Tompo Tsitoha

26a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
b Jakôba 2:17–19.
d Zak. 7:10; Almà 1:27.

TSM Fiantrana.
e Isa. 58:10–11;
F&F 104:17–18.
27a F&F 10:4.
30a Almà 12:14.

TSM Mpiambina.
b Mar. 7:18–23.
TSM Eritreritra.
d Mat. 15:18–20.
TSM Faniratsirana.

izay efa nahatonga “fiovana mahery vaika tao aminay, na tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ^bratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalanda-va kosa.

3 Ary izahay, ny tenanay koa, amin’ ny alalan’ ny hatsaram-po tsisy fetra izay an’ Andriamanitra sy ny fanehoana ny Fanahiny, dia nahazo fahitana lehibe ny amin’ izay ho avy; ary raha toa nilaina, dia ho afaka naminy ny amin’ ny zava-drehetra izahay.

4 Ary ny finoana izay efa nananay tamin’ ny zavatra izay efa nolazain’ ny mpanjakanay taminay dia efa nitondra anay ho amin’ izao fahalalana lehibe izao, ka amin’ izany izahay dia mifaly amin’ ny fifaliana lehibe izaitsizy tokoa toy izao.

5 Ary izahay dia vonona hanao “fanekempihavanana amin’ Andriamanitray, hanao ny sitrapony sy hankatò ny didiny amin’ ny zava-drehetra izay handidiany anay, amin’ ny andronay sisa rehetra, mba tsy hahazoanay mampitondra amin’ ny tenanay ny fijaliana ^btsy mifarana na oviana na oviana, toy izay efa nolazain’ ilay ^danjely, mba tsy hahazoanay misotro amin’ ny kapoakan’ ny fahatezeran’ Andriamanitra.

6 Ary ankehitriny, izany no teny izay nirian’ i Benjamîna mpanjaka taminy; ary noho izany dia hoy izy taminy: Efa nilaza ny teny izay niriako ianareo; ary ny fanekempihavanana izay efa nataonareo dia fanekempihavanana marina.

7 Ary ankehitriny, noho ny fanekempihavanana izay efa nataonareo, dia hantsoina hoe “zanak’ i Kristy ianareo, dia zanany lahy sy zanany vavy; fa indro, efa ^bniteraka anareo arapanahy Izy androany; satria lazainareo fa ny ^dfonareo dia efa miova amin’ ny alalan’ ny finoana ny anarany; noho izany, dia ^eaterany ianareo ary efa tonga ^fzanany lahy sy zanany vavy.

8 Ary eo ambanin’ izany anarana izany no “anafahana anareo; ary ^btsy misy ^danarana hafa izay ahazoana manafaka anareo. Tsy misy anarana hafa nomena izay hiavian’ ny famonjena; noho izany, dia mba tiako ny ^ehitondranareo eo aminareo ny anaran’ i Kristy, dia ianareo rehetra izay efa nanao fanekempihavanana tamin’ Andriamanitra fa ho mpankatò mandra-pahatapitry ny ainareo.

9 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no manao izany, dia ho hita eo an-tànan’ ankavanan’ Andriamanitra izy, satria

5 2a Almà 5:14.

tsm Ateraka Indray,

Aterak’

Andriamanitra.

b Almà 19:33.

5a Môsià 18:10.

b Môsià 3:25-27.

d Môsià 3:2.

7a Môsià 27:24-26;

Mos. 6:64-68.

tsm Zanakalahy sy

Zanakavavin’

Andriamanitra.

b tsm Ateraka.

d tsm Fo.

e Môsià 15:10-11.

tsm Ateraka Indray,

Aterak’

Andriamanitra.

f F&F 11:30.

8a Roma. 6:18; Gal. 5:1;

Hel. 14:30.

b Asa 4:10, 12;

Almà 21:9.

d Môsià 26:18.

e Asa 11:26;

Almà 46:15.

hahafantatra ny anarana izay iantsoana azy izy; fa hantsoina amin' ny anaran' i Kristy izy.

10 Ary ankehitriny ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no tsy hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, dia tsy maintsy hantsoina amin' ny "anarana hafa izy; noho izany izy dia mahita ny tenany eo an^btànana ankavian' Andriamanitra.

11 Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo koa fa izany no "anarana izay nolazaiko fa homeko anareo, izay tsy hovanoina mandrakizay raha tsy noho ny fandikan-dalàna; noho izany dia mitandrema mba tsy handikanareo lalàna, mba tsy ho voavono ao am-ponareo ilay anarana.

12 Lazaiko aminareo, mba tiako ny hahatsiarovanareo ny "hitana ilay anarana ho voasoratra mandrakariva ao am-ponareo, ka tsy hahitana anareo ho eo an-tànana an-kavian' Andriamanitra fa ny mba handrenesanareo sy ny halalalanareo kosa ny feo izay hiantsoana anareo, ary koa ny anarana izay hiantsoany anareo.

13 Fa ahoana moa no "ahalalan' ny olona iray ny tompo izay tsy notompoiny sy izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan' ny fony?

14 Ary koa, ny olona iray va haka ny boriky izay an' ny namany ary hitana azy? Lazaiko aminareo, Tsia; tsy avelany akory hiraoka eo anivon' ny biby

fiompiny izy, fa hoentiny hivoaka ary horoahiny any ivelany izy. Lazaiko aminareo, fa ho toy izany koa ny aminareo raha tsy fantatrareo ny anarana izay iantsoana anareo.

15 Noho izany dia mba tiako ianareo hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina, hahefa be mandrakariva amin' ny asa tsara mba hahazoan' i Kristy, Ilay Tompo Andriamanitra Tsi-toha "mamehy anareo ho Azy, hahazoana mitondra anareo any an-danitra ka hahazoanareo ny famonjena maharitra mandrakizay sy ny fiainana mandrakizay, amin' ny alalan' ny fahendrena sy ny hery ary ny fahamarinana sy ny famindram-pon' Ilay ^bnahary ny zava-drehetra any an-danitra sy etỳ an-tany, izay Andriamanitra ambonin' ny rehetra. Amena.

TOKO 6

Nirakitra ny anaran' ny olona i Benjamîna Mpanjaka ary nanendry mpisorona hampianatra azy—Nanjaka toy ny mpanjaka marina i Môsià. Tokony ho 124–121 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, i Benjamîna mpanjaka dia nihevitra fa mety, rehefa avy namarana ny lahateniny tamin' ny vahoaka izy, ny "handraisany ny anaran' ireo izay efa nanao fanekempihava-

10a Almà 5:38–39.

b Mat. 25:33.

11a Môsià 1:11–12.

tsm Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

12a F&F 18:23–25.

13a Môsià 26:24–27.

15a tsm Fiantsoana sy

Fifidianana;

Fanamasinana.

b Kol. 1:16; Môsià 4:2;

Almà 11:39.

6 1a F&F 128:8.

nana tamin' Andriamanitra mba hitandrina ny didiny.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy na dia olona iray aza, afa-tsy ireo ankizy madinika, ka tsy nanao fanekempihavanana sy tsy nitondra teo aminy ny anaran' i Kristy.

3 Ary koa ny zava-nitranga, rehefa avy namarana izany zavatra rehetra izany i Benjamîna mpanjaka sy efa nanokana an' i "Môsià zanany lahy ho mpanapaka sy mpanjaka eo amin' ny vahoaka ary efa nanolotra azy ny fiadidiana rehetra momba ny fanjakana, ary koa efa ^bnanendry mpisorona ^ahampianatra ny olona, fa amin' izany no hahazoany mandre sy mahalala ny didin' Andriamanitra sy hanaitra azy ho amin' ny fahatsiarovana ny ^cfianianana izay efa nataony, dia noravany ny valalabemandry, ary ny tsirairay dia samy niverina tany amin' ny isam-pianakaviany sy ny isan-tokantranony avy.

4 Ary nanomboka nanjaka teo amin' ny toeran-drainy i "Môsià. Ary izy dia nanomboka nanjaka teo amin' ny fahatelo-polon' ny taonany, koa raha ny fitambarany rehetra dia enina amby fitopolo sy efajato taona taorian' ny ^bfotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema.

5 Ary niaina telo taona i Benjamîna mpanjaka dia nodimandry.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny lalan' ny

Tompo i Môsià mpanjaka, ary nohajainy ny fitsipiny sy ny satany ary notandremany ny didiny tamin' ny zava-drehetra izay nandidiany azy.

7 Ary nasain' i Môsià mpanjaka niasa ny tany ny vahoakany. Ary ny tenany mihitsy koa dia niasa ny tany mba "tsy hahatonga azy ho enta-mavesatra ho an' ny olony, ka hahazoany manao araka izay efa nataondrainy amin' ny zava-drehetra. Ary tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoakany rehetra nandritra ny telo taona.

TOKO 7

Nahita ny tanin' i Lehia-Nefia, izay Limia no mpanjakany, i Amôna — Nandevozin' ny Lamanita ny vahoakan' i Limia — Nitanisa ny tantarany i Limia — Nanambara ny mpaminany iray (i Abinadia) fa i Kristy no Andriamanitra sy Rain' ny zava-drehetra — Ireo izay namafy fahalotoana no hijinja tadio, ary ireo izay nametraka ny fitokiany tao amin' ny Tompo no hafahana. Tokony ho 121 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa nahita fandriampahalemana lalandava nandritry ny telo taona i Môsià mpanjaka, dia naniry izy ny hahalala ny momba ny olona izay "nandeha niakatra ka nonina tany an-tanin' i Lehia-Nefia na tao an-tanànan' i Lehia-Nefia; fa tsy nandre na

3a Môsià 1:10; 2:30.

b TSM Manokana.

d Almà 4:7.

e Môsià 5:5–7.

4a TSM Môsià,
Zanakalahin' i
Benjamîna.
b 1 Ne. 1:4.

7a 2 Kor. 11:9.

7 1a Ômnia 1:27–30.

inona na inona momba azy ireny intsony ny vahoakany hatramin' ny fotoana nandaozan' izy ireny ny tanin' i ^bZarahemlà; noho izany izy dia nanasatra azy tamin' ny fanaovany lemozy.

2 Ary ny zava-nitranga dia navelan' i Môsià mpanjaka ny enina ambin' ny folo tamin' ny lehilahiny matanjaka mba handeha hiakatra any an-tanin' i Leahia-Nefia mba hanadihady ny momba ny rahalahiny.

3 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandeha niakatra izy ireo ny ampitso, ka niaraka taminy ilay antsoina hoe Amôna, ary izy dia lehilahy matanjaka sy mahery ary tamingan' i Zahemlà; ary izy koa no mpiton-dra azy ireo.

4 Ary ankehitriny izy ireo dia tsy nahafantatra ny lâlana tokony hizarany tany an-tany foana mba handehanana miakatra any an-tanin' i Leahia-Nefia; nirenireny tany an-tany foana andro maromaro izy ireo, dia efapolo andro izy ireo no nirenireny.

5 Ary rehefa avy nirenireny efapolo andro izy ireo, dia tonga teo amin' ny havoana iray izay avaratry ny tanin' i "Silôma, ary teo izy ireo no nanangana ny lainy.

6 Ary nentin' i Amôna ny telo tamin' ny rahalahiny, ary ny anarany dia Amalekià, Helema ary Hema, ary nandeha nidina izy ireo nankany an-tanin' i "Nefia.

7 Ary indro, izy ireo dia nifanehitra tamin' ny mpanjakan'

ny vahoaka izay tao an-tanin' i Nefia sy tao an-tanin' i Silôma; ary dia nohodidinin' ny mpiambin' ny mpanjaka izy ireo ary nosamborina sy nofatorana ary nampidirina am-ponja.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy natao am-ponja roa andro izy ireo, dia nentina indray teo anoloan' ny mpanjaka ary novahana ny fatorany; ary nijoro teo anoloan' ny mpanjaka izy ireo sy navela, na ny marimarina kokoa, nodidina hamaly ny fanontaniana izay hapetra-ny aminy.

9 Ary hoy izy taminy: Indro, izaho no "Limia, zanakalahin' i Noà izay zanakalahin' i Zenifa izay nandeha niakatra avy tany an-tanin' i Zahemlà mba handova ity tany ity izay tanindrazany, izay natao mpanjaka noho ny feon' ny vahoaka.

10 Ary ankehitriny, dia maniry aho ny hahalala ny antony nahatonga anareo ho sahy fatratra ka nanatona ny mandan' ny tanàna, nefa na dia ny tenako aza dia niaraka tamin' ny mpiambina ahy tany ivelan' ny vavahady?

11 Ary ankehitriny, noho izao antony izao no efa namelako ny hitsimbinihana anareo mba hahazoako manadihady ny momba anareo, raha tsy izany, dia ho efa nasaiko novonoin' ny mpiambina ahy ho faty ianareo. Mahazo miteny ianareo.

12 Ary ankehitriny, nony nahi-ta i Amôna fa navela hiteny izy, dia nandroso izy ary niankohoka teo anoloan' ny mpanjaka ny

tenany ary nitsangana indray izy ka niteny hoe: Ry mpanjaka ô, tena feno fisaorana an' Andriamanitra aho androany fa mbola velon' aina ary avela hiteny; ary dia hiezaka aho hiresaka ampahasahiana;

13 Satria matoky aho fa raha nahafantatra ahy ianao dia tsy ho navelanao ny hitondra koa ito ny fatorana itony. Fa izaho no Amôna, ary izaho dia tamingan' i "Zarahemlà sy efa niala avy tany an-tanin' i Zarahemlà mba hanadihady ny momba ny rahalahinay izay nentin' i Zenifa niakatra avy tany amin' izany tany izany.

14 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nandre ny tenin' i Amôna i Limia, dia faly fatratra tokoa izy ary nanao hoe: Ankehitriny, dia fantatro marina tokoa fa ny rahalahiko izay tao an-tanin' i Zarahemlà dia mbola velon' aina. Ary ankehitriny, dia hifaly aho; ary rahampitso dia ataoko izay hifalian' ny oloko koa.

15 Fa indro, izahay dia andevon' ny Lamanita ary "itataovan' ny hetra izay sarotra zakaina. Ary ankehitriny, indro, ny rahalahinay no hanafaka anay amin' ny fanandevozana anay, na hanala anay eo an-tanin' ny Lamanita, ary izahay dia ho andevony; fa tsaratsara kokoa izahay ho andevon' ny Nefita toy izay handoa hetra ho an' ny mpanjakan' ny Lamanita.

16 Ary ankehitriny, dia nodidian' i Limia mpanjaka ny

mpiambina azy ny tsy hamatorany intsony an' i Amôna sy ny rahalahiny, fa nataony kosa izay handehanany any amin' ilay havoana izay avaratr' i Silôma ary hitondrany ny rahalahiny hankao an-tanàna mba hahafahany mihinana sy misotro ary miala sasatra amin' ny hasasarana tamin' ny diany; fa efa niaritra zavatra maro izy ireo, efa niaritra hanoanana, hetaheta ary hasasarana.

17 Ary ankehitriny, ny zava-nitranga ny ampitso dia nandefa filazana tany anivon' ny olony rehetra i Limia mpanjaka mba hahazoany miara-mifamory ao amin' ny "tempoly handre ny teny izay holazainy azy.

18 Ary ny zava-nitranga, rehefa tafavory izy, dia niteny tamin' toy izao izy, manao hoe: He, ianareo, ry oloko, atrakao ny lohanareo ary mahereza; fa indro, antomotra ny fotoana sady tsy dia lavitra loatra izay tsy hahatonga antsika intsony ho eo ambany fifehezan' ny fahavalontsika na dia teo aza ny adintsika maro izay zary zava-poana; kanefa izaho dia matoky fa mbola misy ny ady mahomby hovitaina.

19 Noho izany, dia atrakao ny lohanareo sy mifalia, ary apetrako amin' "Andriamanitra ny fitokianareo amin' Ilay Andriamanitra izay Andriamanitr' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakôba; ary koa, Ilay Andriamanitra izay ^bnitondra ny zanak' i Isiraely hivoaka ny tany

13a Ômnia 1:12–15.
15a Môsià 19:15.

17a 2 Ne. 5:16.
19a Eks. 3:6; 1 Ne. 19:10.

b Eks. 12:40–41;
Almà 36:28.

Egypta ary nanao izay handia-vany tany maina namakivaky ny Ranomasina Mena ary namahana azy tamin' ny "mana mba tsy hahafaty azy tany an-tany foana; ary zava-maroko kokoa no nataony ho azy.

20 Ary koa, Izy ihany Ilay Andriamanitra izay efa nitondra ny razantsika "niala ny tanin' i Jerosalema ary efa nitahiry sy nitsimbina ny olony na dia mandraka ankehitriny aza; ary indro, fa noho ny helotsika sy ny fahavetavetantsika no efa namarinany antsika tao amin' ny fanandevozana.

21 Ary ianareo rehetra dia vavolombelona androany fa i Zenifa izay efa natao mpanjaka teo amin' ity vahoaka ity, noho izy tena "narisika ny handova ny tanindrazany, dia voambakan' ny hafetsena sy ny fitak' i Lamàna mpanjaka izay nanao fifanekena tamin' i Zenifa mpanjaka, ka dia nanolotra ho eo an-tànany ny fizakana ny ampahan-tany na dia ny tanànan' i Lehia-Nefia aza sy ny tanànan' i Silôma; ary ny tany manodidina —

22 Ary izany rehetra izany no nataony dia satria ny hany fikasana dia ny "hitondrana ity vahoaka ity any amin' ny fanoavana na any amin' ny fanandevozana. Ary indro, amin' izao fotoana izao isika dia mandoa hetra amin' ny mpanjakan' ny Lamanita, izay hatrany amin' ny antsasaky ny katsaka sy ny

varimbazahantsika, ary na dia ireo voamainantsika rehetra isaky ny karazany avy aza sy ny antsasaky ny fitomboan' ny biby fiompintsika; ary na dia ny antsasaky ny harentsika aza na ny fananantsika, dia takian' ny mpanjakan' ny Lamanita amin-tsika na ny aintsika.

23 Ary ankehitriny, moa va tsy sarotra zakaina izany? Ary moa va izany fahoriantantsika izany tsy lehibe? Ankehitriny, indro lehibe tokoa ny antony mampitoman' antsika.

24 Eny, milaza aminareo aho fa lehibe ny antony izay mampitoman' antsika; fa indro, firy tamin' ny rahalahintsika no efa novonoina, ary ny rany dia efa nalatsaka tsy amin' ny antony, ary izany rehetra izany dia noho ny heloka.

25 Fa raha tsy lavo tamin' ny fandikan-dalàna ity vahoaka ity, dia tsy ho navelan' ny Tompo ho tonga taminy izao antambo lehibe izao. Nefa indro, tsy nety nihaino ny teniny izy; fa nisy fifandirana nitranga kosa teo anivony, hany ka dia nifandatsa-dra izy.

26 Ary "mpaminan' ny Tompo iray no efa novonoiny; eny, olom-boafidin' Andriamanitra, izay nilaza taminy ny faharatsiany sy ny fahavetavetany ary naminany ny amin' ny zava-maroko izay ho avy, eny, na dia ny fiavian' i Kristy aza.

27 Ary satria nilaza taminy izy fa i Kristy no "Andriamanitra,

Ilay Rain' ny zava-drehetra, ary nilaza fa Izy dia handray eo Aminy ny endrik' olombelona, ary izany no ho ^bendrika araka izay nahariana ny olona tany am-piandohana; na amin' ny teny hafa, nilaza izy fa ny olona dia nohariana araka ny endrik' ^aAndriamanitra ary Andriamanitra dia hidina eo anivon' ny zanak' olombelona sy hitafy nofo sy ra ary handeha eto ambonin' ny tany—

28 Ary ankehitriny, noho izy nilaza izany, dia novonoiny ho faty izy, ary zava-marô hafa koa no nataony izay nampianjera ny fahatezeran' Andriamanitra taminy. Noho izany, iza no hitolagaga fa lasa andevo izy ary efa nianjadian' ny fahoriana mangidy?

29 Satria indro, ny Tompo no efa niteny hoe: Izaho dia tsy ^ahanampy ny oloko amin' ny andro handikany lalàna, fa hasiako sakana ny lalany mba tsy hambinina izy; ary ny ataony dia ho toy ny vato mahatafintohina eo anoloany.

30 Ary hoy koa Izy: Raha ny oloko no hamafy ^afahalotoana, dia ^bhijinja ny akofany ao amin' ny tadio izy; ary ny vokany dia poizina.

31 Ary hoy koa Izy: Raha ny oloko no hamafy fahalotoana, dia hijinja ny ^arivotra avy any atsinanana izy, izay mitondra fandravana eo noho eo.

32 Ary ankehitriny, indro ny

fampanantenan' ny Tompo dia tanteraka ary kapohina sy ampahoriana ianareo.

33 Nefa raha ^amitodika amin' ny Tompo amin' ny fo feno finaviavana ianareo ary mametraka ny fitokianareo Aminy sy manompo Azy amin' ny fahavitrihan' ny saina rehetra, raha manao izany ianareo, dia Izy no hanafaka anareo amin' ny fanandevozana araka ny sitrapony sy ny safidiny.

TOKO 8

Nampianatra ny vahoakan' i Limia i Amôna—Nahalala ny amin' ireo takelaka efatra amby roapolo an' ny Jarêdita izy—Afaka mandika ireo takelaka tranainy ny mpahita—Tsy misy talenta lehibe noho ny maha-mpahita. Tokony ho 121 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny lahateny tamin' ny olony i Limia mpanjaka, satria nilaza zava-marô taminy izy ary vitsivitsy ihany tamin' ireny no nosoratako tao amin' ity boky ity, dia nolazainy ny olony ny zava-drehetra momba ireo rahalahiny izay tany antanin' i Zarahemlà.

2 Ary nasainy nitsangana nanoloana ny valalabemandry i Amôna ary nitantara taminy ny zava-drehetra izay efa nanjo ny rahalahiny hatramin' ny fotoana niakaran' i Zenifa avy tany amin'

27b Gen. 1:26–28;
Etera 3:14–17;
F&F 20:17–18.
d Môsià 13:33–34;

15:1–4.
29a 1 Sam. 12:15;
2 Tan. 24:20.
30a TSM Fahalotoana.

b Gal. 6:7–8; F&F 6:33.
TSM Fararano.
31a Jer. 18:17; Môsià 12:6.
33a Môrm. 9:6.

ny tany ka hatramin' ny fotoana izay niakaran' ny tenany avy tany amin' ny tany.

3 Ary nitantara taminy koa ny teny farany izay efa nampianarin' i Benjamîna mpanjaka azy izy, ary nanazava ireny tamin' ny vahoakan' i Limia mba hahazoany mahatakatra ny teny rehetra izay nolazainy.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nanao izany rehetra izany izy, dia noravan' i Limia mpanjaka ny valalabemandry ary nasainy niverina tany antranony avy ny tsirairay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nasainy nentina teo anoloan' i Amôna ny takelaka izay nitahiry ny "rakitsoratra ny olony hatramin' ny fotoana izay nandaozany ny tanin' i Zarahemlà mba hahazoany mamaky azy ireny.

6 Ankehitriny, raha vantany vao avy namaky ny rakitsoratra i Amôna, dia nanadina azy ny mpanjaka hahafantarana raha mahay mandika teny izy, ary niteny taminy i Amôna fa tsy mahay izy.

7 Ary hoy ny mpanjaka taminy: Rehefa nalahelo noho ny fahorian' ny oloko aho, dia nasaiko nandeha nankany an-tany foana ny telo amby efapolo tamin' ny oloko mba hahitany ny tanin' i Zarahemlà mba hahazoanay miantso ny rahalahinay hanafaka anay hiala amin' ny fanandevozana.

8 Ary very tany an-tany foana nandritra ny andro maro izy ireo, ka na dia nazoto aza izy

ireo dia tsy nahita ny tanin' i Zarahemlà fa niverina teto amin' ity tany ity, rehefa avy nandeha tao amin' ny tany iray tao anivon' ny rano maro, rehefa avy nahita tany iray izay rakotry ny taolan' olona sy ana biby, ary koa rakotry ny trano rava isankarazany, rehefa avy nahita tany iray izay efa nonenan' ny mpoinina maro toy ny miaramilan' i Isiraely.

9 Ary ho fanambarana fa ny zavatra izay nolazain' izy ireo dia marina dia efa nentin' izy ireo nody ny takelaka "efatra amby roapolo izay feno soratra voasokitra, ary ireny dia vita tamin' ny volamena tsy misy fangarony.

10 Ary indro koa, efa nentin' izy ireo ny "saron-tratra izay lehibe, ary izany dia vita tamin' ny ^bvarahina sy varahinamena, ary voatahiry tsara tokoa.

11 Ary koa, efa nentin' izy ireo ny sabatra izay efa simba ny fitanana azy, ary ny lelany efa lanin' ny harafesenina; ary tsy nisy na dia iray aza teo amin' ny tany, izay afaka nandika ny teny na ny soratra voasokitra izay teo amin' ny takelaka. Izany no nilazako taminao hoe: Mahay mandika teny ve ianao?

12 Ary lazaiko aminao indray hoe: Moa mahalala olona izay mahay mandika teny ve ianao? Fa maniry aho ny mba handikana amin' ny fiteninay ireto rakitsoratra ireto; fa angamba izany dia hanome fahalalana ny amin' ny sisa tavela tamin' ny

vahoaka izay efa nofongorana, izay niavian' ireto rakitsoratra ireto; na angamba ireto dia hanome fahalalana ny amin' izany vahoaka izay efa nofongorana izany; ary te hahalala ny anton' ny famongorana azy aho.

13 Ankehitriny dia hoy i Amôna taminy: Afaka milaza aminao marina tokoa aho, ry mpanjaka ô, ny amin' ny olona iray izay mahay “mandika ny rakitsoratra; fa izy dia manana izay hahafahany mijery sy mandika ny rakitsoratra rehetra izay tranainy; ary izany dia talenta avy amin' Andriamanitra. Ary ireo zavatra ireo dia antsoina hoe ^bfandikan-teny, ary tsy misy olona afaka mijery amin' izany raha tsy didina izy, fandrao izy hijery izay tsy tokony ho hitany ary ho faty. Ary na zovy na zovy no didina hijery amin' ireo, dia izy no antsoina hoe “mpahita.

14 Ary indro, ny mpanjakan' ny vahoaka izay ao amin' ny tanin' i Zarahemlà no olona izay didina hanao izany zavatra izany sy manana izany talenta ambony avy amin' Andriamanitra izany.

15 Ary nilaza ny mpanjaka fa ny mpahita dia lehibe kokoa noho ny mpaminany.

16 Ary nilaza i Amôna fa ny mpahita dia mpanambara sy mpaminany koa; ary ny talenta izay lehibe kokoa dia tsy ho azon' ny olona raha tsy manana ny herin' Andriamanitra izy, izay tsy mety ho azon' ny olona;

kanefa ny olona iray dia mety hahazo hery lehibe omena azy avy amin' Andriamanitra.

17 Fa ny mpahita dia mety mahafantatra ny amin' ny zavatra izay efa lasa ary koa ny amin' ny zavatra izay ho avy, ary amin' ny alalan' ireo no hanambarana ny zava-drehetra, na ny mari-marina kokoa no hanehoana ny zava-miafina, ary ny zava-nafenina dia ho tonga eo amin' ny hazavana ary ny zavatra izay tsy fantatra dia hampahafantarina amin' ny alalany ary ao koa ireo zavatra hampahafantarina amin' ny alalany, ireo izay tsy azo fantarina amin' ny fomba hafa.

18 Dia toy izany no namatsian' Andriamanitra fitaovana, izay hahazoan' ny olona manao fahagagana mahery amin' ny alalan' ny finoana; noho izany izy dia ho tombontsoa lehibe ho an' ny mpiara-belona aminy.

19 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny filazana ireo teny ireo i Amôna, dia nifaly fatra-ta tokoa ny mpanjaka ary nati-tsaotra an' Andriamanitra, nanao hoe: Tsy isalasalana fa “mystery lehibe no voatahiry ao anatin' ireto takelaka ireto, ary ireo fandikan-teny ireo dia tsy isalasalana fa efa nomanina noho ny fikasana hamelabelatra izany mystery rehetra izany amin' ny zanak' olombelona.

20 Endrey mahatalanjona ny asan' ny Tompo ary endrey ny faharipony amin' ny olony; eny, ary endrey ny fahajambana sy

ny fahadontoan' ny sain' ny zanak' olombelona; fa tsy te hikatsaka ny fahendrena izy sady tsy maniry izany hana-paka azy!

21 Eny, toy ny andiana biby kaodikaody izay mandositra ny mpiandry izy, ary mihakaka sy enjehina ary atelin' ny bibidia avy any an' ala.

NY RAKITSORATR' I ZENIFA — Tantaran' ny olony, hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka hatramin' ny fotoana nanafahana azy hiala teo an-tànan' ny Lamanita.

Mahafoaka ny toko 9 ka hatramin' ny 22 manontolo.

TOKO 9

Nitarika andiany iray avy tany Zarahemlà i Zenifa mba hizaka ny tany ao Lehia-Nefia — Namela azy ireo handova ny tany ny mpanjaka Lamanita — Nisy ady teo amin' ny Lamanita sy ny vahoakan' i Zenifa. Tokony ho 200–187 talohan' i J.K.

IZAHO Zenifa, rehefa avy nampianarina tamin' ny fitenin' ny Nefita rehetra sy rehefa nahazo fahalalana ny amin' ny "tanin' i Nefia na ny tany lova santatr' ireo razanay ary rehefa avy nalefa ho toy ny mpitsikilo teo anivon' ny Lamanita mba hahafahako mitsikilo ny heriny mba hahazoan' ny miaramilanay manafika azy sy mamongotra azy — nefa nony nahita izay

tsara teo aminy aho dia naniry ny tsy hamongorana azy.

2 Noho izany aho dia nifanditra tamin' ny rahalahiko tany an-tany foana, satria tiako ny hanaovan' ny mpanapaka anay dina aminy; kanefa noho izy lehilahy kiriana sy lian-dra, dia nodidiany ny hamonoana ahy; nefa dia voavonjy aho noho ny fandatsahan-dra be; fa ny ray niady nanohitra ny ray, ny rahalahy nanohitra ny rahalahy mandra-paharingan' ny ankamaroan' ny miaramilanay tany an-tany foana; ary izahay, ireo taminay izay voatsimbina, dia niverina tany an-tanin' i Zarahemlà mba hitantara ny zava-nanjo amin' ny vadiny sy ny zanany avy.

3 Ary, noho izaho mbola naniry mafy ny handova ny tanindrazanay, dia novoriako izay rehetra naniry ny handeha hiakatra mba hizaka ny tany, ary dia natombokay indray ny dianay nan-kany an-tany foana mba handeha hiakatra any amin' ilay tany; nefa dia namely anay ny mosary sy ny fahoriana mangidy; satria nitaredretra tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamanitray izahay.

4 Kanefa, rehefa avy nirenireny andro maro tany an-tany foana izahay, dia nanangana ny lainay teo amin' ny toerana izay namonoana ny rahalahinay, izay akai-kin' ny tanindrazanay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nan-deha indray aho niaraka tamin' ny oloko efa-dahy ho ao an-

tanàna, nankao amin' ny mpanjaka, mba hahazoako mahalala ny amin' ny toe-tsain' ny mpanjaka sy mba hahazoako mahalala raha toa aho ka mahazo miditra miaraka amin' ny oloko ary mizaka ny tany amim-pilaminana.

6 Ary nankao amin' ny mpanjaka aho ary nanao dina tamiko izy mba hahazoako mizaka ny tanin' i Lehia-Nefia sy ny tanin' i Silôma.

7 Ary nodidiany koa ny tokony hialan' ny olony amin' ny tany, ary dia niditra ny tany izaho sy ny oloko mba hahazoanay mizaka izany.

8 Ary rafitra izahay nanorina trano sy namboatra ny mandan' ny tanàna, eny, na dia ny mandan' ny tanànan' i Lehia-Nefia sy ny tanànan' i Silôma izany.

9 Ary nanomboka namboly ny tany izahay, eny, dia tamin' ny karazana masomboly rehetra, na tamin' ny voan-katsaka izany, na tamin' ny varimbazaha, na tamin' ny karazam-barimbazaha, na tamin' ny neasy, na tamin' ny seoma, na tamin' ny voan' ny karazam-boankazo rehetra; ary nanomboka nihamaro izahay sy niroborobo teo amin' ny tany.

10 Ankehitriny dia hafetsena sy fitaka ny an' i Lamàna mpanjaka, fa ny "hamarina ny oloko any amin' ny fanandevozana no nanomezany ny tany mba hahazoanay mizaka izany.

11 Noho izany ny zava-nitranga, rehefa nonina teo amin' ny tany nandritra ny roa ambin' ny folo taona izahay, dia nanombo-

ka ho tsy tafandry mandry i Lamàna mpanjaka fandrao mety hisy fomba hampahery ny oloko eo amin' ny tany ka tsy ho azo ny resena izy ary havarina any amin' ny fanandevozana izy.

12 Ankehitriny dia olona kamo sy "mpanompo sampy izy; noho izany dia niriany ny hamarina anay any amin' ny fanandevozana mba hahazoany manarampo amin' ny asan' ny tananay; eny mba hahazoan' ny tenany mivoky amin' ny biby fiompy eny an-tsahanay.

13 Noho izany, ny zava-nitranga dia nanomboka nambosy ny olony i Lamàna mpanjaka mba hifandirany amin' ny oloko; hany ka nanomboka nisy ady sy fifandirana teo amin' ny tany.

14 Fa tamin' ny fahatelo ambin' ny folon' ny taona nanjakako teo amin' ny tanin' i Nefia lavitra tany atsimon' ny tanin' i Silôma, raha mbola nampisotro rano sy nampiraoka ahitra ny biby fiompiny ary namboly ny taniny ny oloko, dia nanafika azy ny andiana Lamanita maro ary rafitra namono azy sy nifaoka ny biby fiompiny sy ny katsaka teny an-tsahanay.

15 Eny, ary ny zava-nitranga dia nandositra izy rehetra izay tsy tratra, eny, hatrany an-tanànan' i Nefia, ary niantso ahy hiaro azy.

16 Ary ny zava-nitranga dia izaho no namatsy azy tamin' ny tsipika sy tamin' ny zanatsipika ary tamin' ny sabatra sy tamin' ny simetera, ary tamin' ny ki-

bay sy tamin' ny antsamotady, ary tamin' izay rehetra mety ho karazam-piadiana izay azonay namboarina, ary izaho sy ny oloko dia nivoaka hiady tamin' ny Lamanita.

17 Eny, tamin' ny herin' ny Tompo no nandehananay niady tamin' ny Lamanita; fa izaho sy ny oloko dia nahery nitalaho tokoa tamin' ny Tompo mba hanafahany anay eo an-tànan' ny fahavalonay, fa efa nifoha ho amin' ny fahatsiarovana ny fanafahana ny razanay izahay.

18 Ary Andriamanitra dia "nandre ny fitalahoanay sy namaly ny fivavakay; ary izahay dia nandeha tamin' ny heriny; eny, izahay dia nandeha niady tamin' ny Lamanita, ary tao anatin' ny indray andro sy indray alina izahay dia nahafaty telo amby efapolo sy telo arivo; ary izahay dia namono azy mandra-panosehanay azy hiala ny taninay.

19 Ary izaho tenako mihitsy, tamin' ny tanako, no nanampy tamin' ny fandevenana ny maty taminy. Ary indro, lehibe ny alahelonay sy ny fidradradranay fa sivy amby fitopolo sy roanjato no voavono tamin' ny rahalahinay.

TOKO 10

Nodimandry i Lamàna Mpanjaka — Baribariana sy lozabe ny olony ary nino fomban-drazana diso — Nandresy azy i Zenifa sy ny olony. Tokony ho 187–160 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia rafitra indray nanorina ny fanjakana izahay sy nanomboka indray nizaka ny tany tamim-pilaminana. Ary nampanamboatra fitaovam-piadiana isan-karazany aho mba hananako fitaovam-piadiana ho an' ny oloko hiatrehana ny fotoana hiavian' ny Lamanita indray hiady amin' ny oloko.

2 Ary nasiako mpiambina ny manodidina ny tany mba tsy hahafahan' ny Lamanita manafika anay tampoka sy mandringana anay; ary dia toy izany no niambenako ny oloko sy ny biby fiompy, sady nitehirizako azy ireo tsy hianjera eo an-tànan' ny fahavalonay.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandova ny tanindrazanay nandritra ny taona maro izahay, eny, nandritra ny roa amby roapolo taona.

4 Ary nasaiko niasa ny tany ny lehilahy ary namboly izay mety ho "voa ary izay mety ho voankazo araka ny karazany avy.

5 Ary ny vehivavy dia nasaiko nandrany sy nilofo ary niasa, ary nanao hariry madinika isan-karazany, eny, sy "fitafiana isan-karazany mba hahazoanay manafy ny fitanjahanay; ary dia toy izany no niroboroboanay teo amin' ny tany — dia toy izany no nanananay fandriampahalemana lalandava teo amin' ny tany nandritra ny roa amby roapolo taona.

6 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i "Lamàna mpan-

jaka ary ny zanany lahy no nanomboka nanjaka teo amin' ny toerany. Ary nanomboka namoky ny vahoakany izy hikomy amin' ny oloko; noho izany izy dia nanomboka niomana ho amin' ny ady ary niakatra hiady amin' ny oloko.

7 Saingy efa nandefa ny mpi-tsikiloko tany amin' ny manodidina an' i "Semlôna aho mba hahazoako mahafantatra ny fiomanany sy hahazoako miaro tena aminy ka tsy hahazoany manafika ny oloko sy mamongotra azy.

8 Ary ny zava-nitranga dia niakatra tany avaratry ny tanin' i Silôma izy, niaraka tamin' ny miaramilany maro, dia lehilahy "nirongo" tsipika sy zanatsipika ary sabatra sy simetera ary vato sy antsamotady; ary nokakasany ny lohany ka dia nangadihady izany; ary dia nosikinany hetra hodibiby ny valahany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nasaiko nafenina tany an-tany foana ny vehivavy sy ny ankizy tamin' ny oloko; ary nasaiko nifamory miaraka ny lahiantitra rehetra izay afaka mitondra fiadiana, ary koa ny zatovolahiko rehetra izay afaka mitondra fiadiana mba handeha hiady amin' ny Lamanita; ary dia napetrako araka ny filaharany izy ireo, ny olona tsirairay arakaraka ny taonany avy.

10 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra izahay hiady

amin' ny Lamanita; ary izaho na dia tao amin' ny fahanterako aza, dia nandeha niakatra hiady amin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra tamin' ny "herin' ny Tompo izahay mba hiady.

11 Ankehitriny, ny Lamanita dia tsy nahalala na inona na inona ny momba ny Tompo, na ny herin' ny Tompo, noho izany izy dia niantehitra tamin' ny herin' ny tenany ihany. Saingy vahoaka matanjaka izy raha ny herim-batana.

12 Olona "baribariana sy lozabe ary lian-drà izy, nino ny" fombandrazany izay toy izao—Mino fa noroahina hiala ny tanin' i Jerosalema izy noho ny heloky ny razany, fa nampiaretin' ny rahalahiny ny tsy rariny izy tany an-tany foana ary nampiaretin' na ny tsy rariny koa izy raha nita ny ranomasina;

13 Ary koa, fa niaritra ny tsy rariny izy raha teo amin' ny tany lovany "voalohany taorian' ny nitany ny ranomasina, ary izany rehetra izany dia noho i Nefia nahatoky kokoa tamin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo—noho izany izy dia "nankasitahan' ny Tompo, fa nandre ny fivavany ny Tompo ary namaly ireny, ary nandray ny fitarihana ny diany tany an-tany foana.

14 Ary ny rahalahiny dia nisafoaka taminy noho izy ireo "tsy nahatakatra ny fitondran' ny Tompo; ary izy ireo koa dia "ni-

7a Môsià 11:12.

8a Jarôma 1:8.

b Almà 3:4-5.

10a tsm Matoky.

12a Almà 17:14.

b 2 Ne. 5:1-3.

13a 1 Ne. 18:23.

b 1 Ne. 17:35.

14a 1 Ne. 15:7-11.

b 1 Ne. 18:10-11.

safaoka taminy teny ambony rano noho izy ireo nanamafy ny fony tamin' ny Tompo.

15 Ary koa, nisafaoka taminy izy ireo nony efa tonga tany amin' ny tany nampantanenaina, satria nolaizain' izy ireo fa efa norombahiny ny "fifehezana ny olona teo an-tànan' izy ireo; ary nokatsahin' izy ireo ny hamono azy.

16 Ary koa, izy ireo dia nisafoaka taminy, satria niainga izy nankany an-tany foana araka ny efa nandidian' ny Tompo azy ary naka ny "rakitsoratra izay voasokitra teo amin' ny takela-barahina, satria nolazain' izy ireo fa ^bnorobainy izy ireo.

17 Ary dia toy izany no efa nampianarin' izy ireo ny zanany mba hankahalany azy, satria tokony hovanoiny izy, satria tokony horobainy sy hobaboiny ny fananany ary hataony izay rehetra azony atao hamongorana azy; koa nananany ny fankahalana mandrakizay ny zanak' i Nefia.

18 Fa izany no tena antony namitahan' i Lamàna mpanjaka ahy tamin' ny hafetseny sy ny hakingany mandainga ary ny fampanantenany poak' aty, hany ka efa nentiko niakatra nankamin' ity tany ity ireto oloko ireto mba hahazoany mamongotra azy; eny, ary efa niaritra izay taona maro izay izahay teo amin' ny tany.

19 Ary ankehitriny, izaho Zenifa, rehefa avy nitantara izany zavatra rehetra momba ny

Lamanita izany tamin' ny oloko, dia namporisika azy handeha hiady amin' ny heriny, hametraka ny fitokiany ao amin' ny Tompo; koa niady taminy nifanatrika izahay.

20 Ary ny zava-nitranga dia natosikay indray izy hiala ny taninay, ary nandripaka azy tamin' ny fandranganana lehibe izahay, maro loatra aza ka tsy nisainay izany.

21 Ary ny zava-nitranga dia niverina indray teo amin' ny taninay izahay ary nanomboka indray nisahana ny biby fiompiny ny oloko ary namboly ny taniny.

22 Ary ankehitriny izaho, izay efa antitra, dia nanolotra ny fanjakany tamin' ny anankiray tamin' ny zanako lahy; noho izany aho dia tsy hiteny intsony. Ary ny Tompo anie hitahy ny oloko. Amena.

TOKO 11

Nanapaka tamin' ny faharatsiana i Noà Mpanjaka — Nanaram-po tao amin' ny fiainana baranahiny niaraka tamin' ny andefimandriny sy ny vaditsindranony izy — Naminany i Abinadia fa ny vahoaka dia havarina ho andevo — Nifoho ny ainy i Noà Mpanjaka. Tokony ho 160–150 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia natolotr' i Zenifa an' i Noà, anankiray tamin' ireo zanany lahy, ny fanjakana; noho izany dia nanomboka nanjaka teo amin' ny toerany i Noà; ary

tsy nandeha tamin' ny làlan' ny rainy izy.

2 Satria indro tsy nitandrana ny didin' Andriamanitra izy fa nandeha kosa araka ny fanirian' ny fony ihany. Ary nanana andefimandry sy "vaditsindrano maro izy. Ary izy no ^bnahatonga ny vahoaka hanota sy hanao izay fahavetavetana teo imason' ny Tompo. Eny, izy ireo dia nahavita ^dfijangajangana sy karazam-paharatsiana rehetra.

3 Ary nampandoa hetra izy, dia ny ampahadiminy tamin' ny rehetra nananany, ny ampahadiminy tamin' ny volamena-ny sy tamin' ny volafotsiny, ary ny ampahadiminy tamin' ny "zifany sy ny varahinamenany, ary tamin' ny varahiny sy ny viny; ary ny ampahadiminy tamin' ny zanak' ombiny mifahy; ary koa ny ampahadiminy tamin' ny voamainany rehetra.

4 Ary izany rehetra izany no nalainy dia ny hamelomany ny tenany sy ny andefimandriny ary ny vaditsindranony, ary koa ny mpisorony sy ny andefimandriny ary ny vaditsindranony; dia toy izany no efa nanovany ny raharaha tao amin' ny fanjakana.

5 Fa naongany ny mpisorona rehetra izay efa nohamasinindrainy ary nanamasina olombaovao teo amin' ny toerany izy, toy ireo izay efa nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny fony.

6 Eny, ary dia toy izany no na-

melomana azy ireny, tao amin' ny hakamoany sy tao amin' ny fanompoan-tsampiny ary tao amin' ny fijangajangany, tamin' ny alalan' ny hetra izay nampandoavin' i Noà mpanjaka ny olony; dia toy izany no niasan' ny vahoaka fatratra tokoa mba hanohana ny heloka.

7 Eny, ary izy ireo koa dia nanjary mpanompo sampy noho izy ireo voafitaka tamin' ny teny poak' aty sy manasohason' ny mpanjaka sy ny mpisorona; satria izy ireny dia nilaza zavatra manasohaso taminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia nanorina trano maro sady kanto no makadiry i Noà mpanjaka; ary ireny dia noravahiny tamina asa rafitra voakaly sy tamin' ireo karazan-java-tsarobidy rehetra, tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy ary tamin' ny vy sy tamin' ny varahina ary tamin' ny zifa sy tamin' ny varahinamena;

9 Ary naoriny ho azy koa ny lapa iray malalaka sy ny seza fiandrianana iray teo afovoany, ary izany rehetra izany dia vita tamin' ny hazo sarobidy sy voaravaka volamena ary volafotsy sy zava-tsarobidy.

10 Ary nataony koa izay hahatontosan' ny mpiasany ny karazan' asa voakaly rehetra tamin' ny aty rindrin' ny tempoly, tamin' ny hazo sarobidy sy tamin' ny varahinamena ary tamin' ny varahina.

11 Ary ireo fitoerana izay nato-

11 2a Jakôba 3:5.
b 1 Mpan. 14:15-16;
Môsià 29:31.
d 2 Ne. 28:15.

3a HEB. teny mitovy
amin'ny
mpamari-toetra,
"mamirapiratra";

matoanteny, "lalorina
na rakofana vy."

kana ho an' ny mpisorona avo izay ambony noho ny fitoerana hafa rehetra, dia noravahiny volamena tsy misy fangarony; ary nasainy natsangana teo anoloan' izy ireo ny arofanina mba hahafahany mampiankina ny tenany sy ny sandriny amin' izany, rehefa hanao teny mandainga sy poak' aty amin' ny olony izy ireo.

12 Ary ny zava-nitranga dia naoriny ny "tilikambo iray teo akaikin' ny tempoly; eny, tilikambo iray tena avo, avo loatra aza ka azony natao ny nijoro teo amboniny sy nitsinjo ny tanin' i Silôma sy ny tanin' i Semlôna koa, izay nozakain' ny Lamanita; ary azony natao na dia ny nitazana ny tany manodidina aza.

13 Ary ny zava-nitranga dia nasainy naorina tao an-tanin' i Silôma ny trano maro; ary nasainy naorina ny tilikambo lehibe iray teo amin' ny havoana avaratry ny tanin' i Silôma, izay toeram-pialokalofoana ho an' ny zanak' i Nefia tamin' ny fotoana nandosirany niala ny tany; ary dia toy izany no nataony tamin' ny harena izay azony tamin' ny fampandoavan-ketra ny olony.

14 Ary ny zava-nitranga dia napetrany tamin' ny haren' ny fony ary nolaniany tamin' ny fiainana baranahiny niaraka tamin' ny andefimandriny sy vadsindranony ny fotoany; ary torak' izany koa ny mpisorony dia nandany ny fotoany niaraka tamin' ny vehivavy janga.

15 Ary ny zava-nitranga dia

nanao tanimboly manodidina ny tany izy; ary namboatra famiazam-boaloboka sy nanao divay betsaka; ary noho izany dia nanjary "mpiboboka divay izy, ary ny olony koa.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nanafika ny olony ny Lamanita, namely ny vitsy an' isa sy namono azy teny antsahany, raha mbola niandry ny biby fiompiny izy.

17 Ary nandefa mpiambina manodidina ny tany i Noà mpanjaka mba hampandositra azy; nefa tsy ampy ny isan' ny olona nalefany, ary dia nanatratra azy ny Lamanita ary namono azy ary nandroaka ny maro tamin' ny biby fiompiny hivoaka ny tany; dia toy izany no nanombohan' ny Lamanita namongotra azy sy nampihatra ny fankahalany azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nandefa ny miaramilany hano-hitra azy i Noà mpanjaka ary na izy voatosika hiverina na izy nahatosika azy nandritra ny fotoana fohy; noho izany dia niverina izy nifaly noho ny fananana nobaboiny.

19 Ary ankehitriny, noho izany fandresena lehibe izany dia efa tafasondrotra tao amin' ny avonavon' ny fony izy; fa izy dia "nirehareha tamin' ny herin' ny tenany ihany, nilaza fa ny dimampolo lahy aminy dia afaka mifanandrina amin' ny an' arivony amin' ny Lamanita; ary dia toy izany no nireharehany, ary izy dia finaritra tamin' ny ra

sy ny fandatsahana ny ran' ny rahalahiny, ary izany dia noho ny faharatsian' ny mpanjakan' ny mpisorony.

20 Ary ny zava-nitranga dia nisy lehilahy iray teo aminy, izay i “Abinadia no anarany; ary nandeha teo anivony izy sy namboka naminany, nanao hoe: Indro, izao no lazain' ny Tompo, ary izao no efa nandidiany ahy, manao hoe: Mandehana ary lazao amin' ity vahoaka ity hoe, izao no lazain' ny Tompo—Lozan' ity vahoaka ity, fa efa hitako ny fahavetavetany sy ny faharatsiany ary ny fijangajangany; ary raha tsy mibebaka izy, dia hamangy azy amin' ny fahatezerako Aho.

21 Ary raha tsy mibebaka izy ary mitodika amin' ny Tompo Andriamaniny, dia indro, Izaho hanolotra azy ho eo an-tànan' ny fahavalony; eny, ary dia havarina any amin' ny “fanandevozana izy; ary hampahorian' ny tãnan' ny fahavalony izy.

22 Ary ny zavatra hitranga, dia ho fantany fa Izaho no Tompo Andriamaniny ary Izaho dia Andriamanitra “saro-piaro ka mamaly ny heloky ny oloko.

23 Ary ny zavatra hitranga, raha tsy mibebaka ity vahoaka ity sy mitodika amin' ny Tompo Andriamaniny, dia havarina any amin' ny fanandevozana izy; ary tsy hisy hanafaka azy afa-tsy ny Tompo Andriamanitra Tsitoha.

24 Eny, ary ny zavatra hitranga

rehefa hitalaho Amiko izy, dia “hitaredretra Aho handre ny fitarainany; eny, ary Izaho hamela azy hokapohin' ny fahavalony.

25 Ary raha tsy mibebaka amin' ny lamba fisaonana sy ny lavenona izy ary mahery mitalaho tokoa amin' ny Tompo Andriamaniny, dia tsy “handre ny fivavany Aho sady tsy hanafaka azy hiala amin' ny fahoriany; ary dia izany no lazain' ny Tompo, ary dia izany no efa nandidiany ahy.

26 Ankehitriny, ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Abinadia, dia nisafoaka taminy izy ary nika-tsaka ny hanala ny ainy; fa ny Tompo kosa nanafaka azy teo an-tànany.

27 Ankehitriny, rehefa nandre ny teny izay efa nolazain' i Abinadia tamin' ny vahoaka i Noà mpanjaka dia nisafoaka koa izy; ary hoy izy: Iza moa i Abinadia no hitsara ahy sy ny oloko, na “iza moa ny Tompo izay hitondra eo amin' ny oloko izany fahoriana lehibe izany?

28 Mandidy anareo aho hitondra an' i Abinadia atỳ mba hahazoako mamono azy, fa efa nolazainy ireo zavatra ireo izay hahazoany mamoky ny oloko mba hifampitezitra izy samy izy ary hanangana fifandirana eo anivon' ny oloko; noho izany dia hovonoiko izy.

29 Ankehitriny dia “nohajambaina ny mason' ny olona; noho

20a TSM Abinadia.

21a Môsià 12:2; 20:21;
21:13–15; 23:21–23.

22a Eks. 20:5;

Deot. 6:15;

Môsià 13:13.

24a Mika 3:4;

Môsià 21:15.

25a Isa. 1:15; 59:2.

27a Eks. 5:2;

Môsià 12:13.

29a Mos. 4:4.

izany izy dia ^bnanamafy ny fony tamin' ny tenin' i Abinadia, ary hatramin' izay fotoana izay dia nikatsaka ny hisambotra azy izy. Ary i Noà mpanjaka dia nanamafy ny fony tamin' ny tenin' ny Tompo sy tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony.

TOKO 12

Naiditra am-ponja i Abinadia noho ny faminania ny hamongorana ny vahoaka sy ny fahafatesan' i Noà Mpanjaka — Nitania ny soratra masina ny mpisorona sandoka ary nihambo ho mitandrina ny lalàn' i Mosesy — Nanomboka nampianatra azy ireo ny Didy Folo i Abinadia. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa afaka roa taona, dia tonga teo aminy i Abinadia rehefa nano-va ny fisehoany ivelany, ka tsy fantany izy, ary dia nanomboka naminany teo anivony izy, nanao hoe: Izao no efa nandidian' ny Tompo ahy, manao hoe — Ry Abinadia, mandehana ary maminania amin' ity vahoaka-ko ity fa efa nanamafy ny fony tamin' ny teniko izy; tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony izy; koa "hamangy azy amin' ny fahatezerako Aho, eny, amin' ny fahatezerako mirehitra no hamangiako azy ao amin' ny helony sy ny fahavetavetany.

2 Eny, lozan' ity taranaka ity!

Ary hoy ny Tompo tamiko: Ahinjiro ny tãnanao ary maminania manao hoe: Izao no lazain' ny Tompo, ny zavatra hitranga dia havarina any amin' ny "fanandevozana ity taranaka ity noho ny helony ary hasiana tehamaina ny ^btakolany; eny, ary hoenjehin' ny olona sy hovo- noina; ary ny voltoran' ny habakabaka sy ny amboa, eny, ary ny bibidia no hambosibosika ny nofony.

3 Ary ny zavatra hitranga, dia hotombanana toy ny fitafiana ao anaty "memy mahamay ny ^bain' i Noà mpanjaka; ka ho fantany fa Izaho no Tompo.

4 Ary ny zavatra hitranga, dia hamely ity vahoakako ity amin' ny fahoriana mangidy Aho, eny, amin' ny mosary sy amin' ny "areti-mandringana; ary hataoko izay ^bhidradradradrany mandritra ny manontolo andro.

5 Eny, ary hataoko izay hitondrany "enta-mavesatra mifatotra eo an-damosiny; ary horoahina toy ny boriky moana izy.

6 Ary ny zavatra hitranga, dia halefako aminy ny havandra, ary hamely azy izany; ary hasian' ny "rivotra avy any atsinanana izy; ary hanimba ny taniny koa ny ^bbibikely ary hihinana ny voamainany.

7 Ary hasian' ny areti-mandringana lehibe izy — ary izany rehetra izany no ataoko, dia noho ny "helony sy ny fahavetavetany.

29b Almà 33:20;

Etera 11:13.

12 1a Isa. 65:6.

2a Môsià 11:21; 20:21;
21:13-15; 23:21-23.

b Môsià 21:3-4.

3a Môsià 19:20.

b Môsià 12:10.

4a F&F 97:26.

b Môsià 21:9-10.

5a Môsià 21:3.

6a Jer. 18:17;

Môsià 7:31.

b Eks. 10:1-12.

7a F&F 3:18.

8 Ary ny zavatra hitranga, raha tsy mibebaka izy, dia "horingani-ko tanteraka sy ho eto ambonin' ny tany izy; kanefa dia hamela ^brakitsoratra iray izy, ary hotehiriziko izany ho an' ny firenena hafa izay hizaka ny tany; eny, ary izany no ataoko dia ny hahazoako mampiharihary ny fahavetavetan' ity vahoaka ity amin' ny firenen-kafa. Ary maro ny zavatra naminanian' i Abinadia tamin' ity vahoaka ity.

9 Ary ny zava-nitranga dia tezitra taminy izy; ary naka azy izy ary nitondra azy nifatotra teo anoloan' ny mpanjaka sy niteny tamin' ny mpanjaka hoe: Indro, entinay eto anoloanao ny lehilahy iray izay efa naminany loza momba ny olonao sy nilaza fa Andriamanitra dia handringana azy.

10 Ary maminany loza momba ny ainao izy, ary milaza fa ny ainao dia ho toy ny fitafiana ao anaty memy mirehitra afo.

11 Ary koa, milaza izy fa ianao dia ho toy ny taho, dia ny taho maina eny an-tsaha, izay itsahin' ny biby sady hosen' ny tongotra.

12 Ary koa, milaza izy fa ianao dia ho toy ny vonin' ny tsilo, izay rehefa vaky vony tanteraka, raha mitsoka ny rivotra, dia indaosiny miparitaka eo ambonin' ny tany. Ary mihambo izy fa Andriamanitra no efa nilaza izany. Ary milaza izy fa izany rehetra izany no ho tonga aminao raha tsy mibebaka ianao, ary izany dia noho ny helokao.

13 Ary ankehitriny, ry mpan-

jaka, inona no antambo lehibe efa vitanao, na inona no fahotana lehibe efa nataon' ny olonao ka hahatonga antsika hohelohin' Andriamanitra na hotsarain' ity lehilahy ity?

14 Ary ankehitriny, ry mpanjaka, indro tsy meloka isika, ary ianao, ry mpanjaka, dia tsy nanao; noho izany, ity lehilahy ity dia efa nandainga momba anao, ary zava-poana ny faminaniany.

15 Ary indro isika dia matanjaka, tsy havarina any amin' ny fanandevozana, na hoentina ho babon' ny fahavalontsika; eny, ary efa niroborobo tamin' ny tany ianao, ary ianao dia hiroborobo ihany koa.

16 Indro, ity izany lehilahy izany, atolotray eo an-tànanao izy mba hahazoanao manao aminy araka izay heverinao fa mety.

17 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Noà mpanjaka naiditra am-ponja i Abinadia; ary nandidy ny "mpisorona izy hiara-mifamory hahazoany mila-hevitra miaraka amin' izy ireo ny amin' ny tokony hataony aminy.

18 Ary ny zava-nitranga dia hoy ireo tamin' ny mpanjaka: Ento atỳ izy mba hahazoanay manontany azy; ary nandidy ny mpanjaka ny hitondrana azy eo anoloany.

19 Ary izy ireo dia rafitra nantontany azy mba hahazoany mampisahotaka azy fa amin' izany no mety hananany izay hampangana azy, nefa dia namaly azy ireo tamim-pahasahiana tokoa izy ary nahatohitra

ny fanontaniana rehetra nataony, eny, ka talanjona izy ireo; satria "notoheriny izy ireo tamin' ny fanontaniana rehetra nataon' izy ireo, ary nampangaihaiziny izy ireo tamin' ny teny rehetra nataony.

20 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny iray taminy nanao hoe: Inona no hevitr' ny teny izay voasoratra sy izay efa nampianarin' ny razantsika, manao hoe:

21 "Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry izay mitondra vaovao mahafaly eny an-tendrombohitra; izay mitory fiadanana; izay mitondra teny soa mahafaly; izay mitory famonjena; izay manao amin' i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamanitrao;

22 Ny mpitilinao hanandra-peo; hiray feo izy ireo ka hihira; fa hahita mifanatri-maso izy ireo, rehefa haverin' ny Tompo indray i Ziona;

23 Velomy ny hoby; miara-mihira ianareo ry toerana rava ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nanao an' i Jerosalema Izy;

24 Ny Tompo efa nampitanjaka ny "sandriny masina teo imason' ny firenen-drehetra, ary ny faran' ny tany rehetra hahita ny famonjen' ny Andriamanitsika?

25 Ary ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Moa "mpisorona va ianareo ary mihambo ho mampianatra ity vahoaka ity sy mahatakatra ny fanahin' ny faminiana, kanefa dia maniry

ny hahafantatra avy amiko ny hevitr' ireo zavatra ireo?

26 Lazaiko aminareo, lozana-reo izay mamilivily ny lalan' ny Tompo! Fa raha takatrareo ireo zavatra ireo, dia tsy nampianarinareo ireo; koa efa navilivilinareo ny lalan' ny Tompo.

27 Tsy nilofo tamin' ny "fahalalana ny fonareo, noho izany ianareo dia tsy manam-pahendrena. Koa, inona no ampianarinareo ity vahoaka ity?

28 Ary hoy ireo: Mampianatra ny lalan' i Mosesy izahay.

29 Ary hoy indray izy taminy: Raha mampianatra ny "lalan' i Mosesy ianareo, nahoana ianareo no tsy mitandrina izany? Nahoana ianareo no mametraka ny fonareo amin' ny harena? Nahoana ianareo no mijangajanga sy mandany ny herinareo amin' ny vehivavy janga, eny, ary manao izay hanotan' ity vahoaka ity, hany ka manana antony hanirahana ahy ny Tompo mba haminany amin' ity vahoaka ity, eny, dia antambo lehibe ho an' ity vahoaka ity izany?

30 Tsy fantatrareo va fa milaza ny marina aho? Eny, fantatrareo fa milaza ny marina aho; ary ianareo dia tokony hangovitra eo anoloan' Andriamanitra.

31 Ary ny zavatra hitranga dia hokapohina ianareo noho ny helokareo, satria efa nola-zainareo fa mampianatra ny lalan' i Mosesy ianareo. Ary inona no fantatrareo momba

19a F&F 100:5-6.

21a Isa. 52:7-10;
Naho. 1:15.

24a 1 Ne. 22:11.

25a Môsià 11:5.

27a TSM Fahatakarana.

29a TSM Lalàn' i Mosesy.

b TSM Fanitsakitsahambady.

ny lalàn' i Mosesy? “Moa va ny famonjena tonga amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy? Inona no lazainareo?

32 Ary namaly sy nilaza izy ireo fa ny famonjena dia tonga amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy.

33 Nefa ankehitriny, dia hoy i Abinadia taminy: Fantatro fa raha tandremanareo ny didin' Andriamanitra, dia hovonjena ianareo; eny, raha tandremanareo ny didy izay natolotry ny Tompo an' i Mosesy tao antendrombohitry i “Sinay, manao hoe:

34 “Izaho no Tompo Andriamanitrao izay efa ^bnitondra anao niala avy tany amin' ny tany Egipta, niala ny tranon' ny fanandevozana.

35 Ianao dia tsy hanana “Andriamani-kafa eo anoloako.

36 Ianao dia tsy hanao sarinjavatra voasokitra ho anao, izay mety hitovy na amin' ny zavatra eny amin' ny lanitra ambony, na amin' ny zavatra izay etỳ amin' ny tany ambany.

37 Ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Moa efa nahavita izany rehetra izany va ianareo? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nahavita izany ianareo. Ary moa va efa “nampianarinareo ity vahoaka ity ny tokony hanaovany ireo zavatra rehetra ireo? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nampianarinareo izany.

TOKO 13

Narovan' ny herin' Andriamanitra i Abinadia—Nampianatra ny Didy Folo izy—Tsy amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy irery no hiavian' ny famonjena—Izy Andriamanitra tenany mihitsy no hanao ny sorompanavotana sy hanavotra ny olony. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, nony efa nandre ireo teny ireo ny mpanjaka, dia hoy izy tamin' ny mpisorony: Ento any io olona io, ary vonoy izy; fa inona moa no azontsika atao aminy, fa efa adala izy.

2 Ary nitsangana izy ireo ary nanandrana ny haninjitra ny tànany taminy; fa saingy notohery izy ireo, ary hoy izy taminy hoe:

3 Aza mikasika ahy fa hamely anareo Andriamanitra raha maninjitra ny tananareo amiko ianareo, satria tsy mbola nahalaza ny hafatra izay nanirahan' ny Tompo ahy holazaina aho; sady tsy mbola niteny taminareo izay “nangatahinareo hoteheniko; koa tsy havelan' Andriamanitra ho faty aho amin' izao fotoana izao.

4 Nefa izaho dia tsy maintsy manatanteraka ny didy izay efa nandidian' Andriamanitra ahy; ary satria efa nilaza ny marina taminareo aho dia tezitra amiko ianareo. Ary koa, satria efa nila-

31a Môsià 3:15; 13:27–32;
Almà 25:16.

33a Eks. 19:9, 16–20;
Môsià 13:5.

34a Eks. 20:2–4.

b Eks. 12:51;
1 Ne. 17:40;
Môsià 7:19.

35a Hosea 13:4.

TSM Fanompoan-

tsampy.

37a Môsià 13:25–26.
13 3a Môsià 12:20–24.

za ny tenin' Andriamanitra aho dia efa notsarainareo ho adala.

5 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia tsy sahy naninjitra ny tãany taminy ny olon' i Noà mpanjaka, satria tao aminy ny Fanahin' ny Tompo; ary "namirapiratan' ny hazavana fatratra ny tavany, toy ny an' i Mosesy raha mbola tao an-tendrombohitr' i Sinay izy, ka mbola niresaka tamin' ny Tompo.

6 Ary niteny tamin-"kery sy fahefana avy tamin' Andriamanitra izy; ary nanohy ny teniny izy nanao hoe:

7 Hitanareo fa tsy manan-kery hamono ahy ianareo, noho izany dia faranako ny hafatro. Eny, ary takatro fa "mandrasarasa ny fonareo izany, satria milaza aminareo ny marina momba ny helokareo aho.

8 Eny, ary ny teniko dia mame-no fahagagana sy fitalanjonana ary fahatezerana anareo.

9 Nefa faranako ny hafatro; ary tsy ahoako amin' izany izay hahako, raha toa ka voavonjy aho.

10 Nefa izao ihany no lazaiko aminareo, izay ataonareo amiko aorian' izao dia ho toy ny "fambara sy tandindon' ny zavatra izay ho avy.

11 Ary ankehitriny, vakiako aminareo ny sisa tavela tamin' ny "didin' Andriamanitra, satria tsapako fa tsy voasoratra ao amponareo izany; takatro fa efa nianatra sy nampianatra heloka

ianareo nandritra ny androato-kom-piainanareo.

12 Ary ankehitriny, tsaroanareo izay nolazaiko taminareo hoe: Ianao dia tsy hanao sarin-javatra voasokitra ho anao, izay mety hitovy amin' ny zavatra izay eny amin' ny lanitra ambony, na izay etỳ amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany.

13 Ary koa: Ianao dia tsy hiankohoka eo anatrehany sady tsy hanompo azy; fa Izaho Tompo Andriamanitrao dia Andriamanitra saro-piaro, izay mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka, hatrany amin' ny zafiafy sy ny zafindohalika amin' izay mankahala Ahy;

14 Ary mampiseho famindram-po amin' ny an' arivony izay tia Ahy sy mitandrina ny didiko.

15 Ianao dia tsy hanonononom-poana ny anaran' ny Tompo Andriamanitrao; fa tsy havelan' ny Tompo ho tsy manan-tsiny izay manonononom-poana ny anarany.

16 Mahatsiarova ny andro "sabata hanamasina azy.

17 Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra;

18 Fa ny andro fahafito kosa dia sabatan' ny Tompo Andriamanitrao, ka ianao dia tsy hanao raharaha, na ianao, na ny zanaka lahy, na ny zanakao vavy, na ny mpanompolahinao, na ny mpanompovavinao, na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra ny vavahadinao;

19 Fa “henemana no nanaovan’ ny Tompo ny lanitra sy ny tany, ary ny ranomasina sy izay rehe-tra ao aminy; izany no nitahin’ ny Tompo ny andro sabata sy nanamasinany azy.

20 “Manajà ny rainao sy ny re-ninao mba ho lava ny andronao eo amin’ ny tany izay omen’ ny Tompo Andriamanitrao anao.

21 Ianao dia tsy “hamono olona.

22 Ianao dia tsy “hijangajanga. Ianao dia tsy ^bhangalatra.

23 Ianao dia tsy hijoro ho “va-volombelona mandainga hano-hitra ny namanao.

24 Ianao dia tsy “hitsiriritra ny tranon’ ny namanao, ianao dia tsy hitsiriritra ny vadin’ ny namanao, na ny mpanompolahiny, na ny mpanompovaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an’ ny namanao.

25 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana izany filazana izany i Abinadia, dia hoy izy taminy: Moa efa nampianarinareo ity vahoaka ity va fa tokony hoezahany ny hanatanteraka ireo zavatra rehetra ireo mba ho fitandremana ireo didy ireo?

26 Lazaiko aminareo, Tsia; fa raha nataonareo izany, dia tsy ho nanao izay hivoahako sy haminaniako antambo momba ity vahoaka ity ny Tompo.

27 Ary ankehitriny efa nolazainareo fa ny famonjena dia tonga amin’ ny alalan’ ny lalàn’ i Mosesy. Lazaiko aminareo fa ilaina aloha izao ny hitandremanareo ny “lalàn’ i Mosesy; nefa lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana izay ^btsy ilana intsony ny hitandremana ny lalàn’ i Mosesy.

28 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa ny “famonjena dia tsy tonga amin’ ny alalan’ ny ^blalàna samirery; ary raha tsy nisy ny ^dsorompanavotana izay Izy Andriamanitra tenany mi-hitsy no hanatanteraka izany noho ny fahotany sy ny heloky ny olony, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ho nahafaty azy ireo, na dia teo aza ny lalàn’ i Mosesy.

29 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa nilaina ny nisian’ ny lalàna nomena ny zanak’ i Isiraely, eny, na dia “lalàna tena henjana aza izany; satria olona mafy hatoka izy, ^bmailaka amin’ ny fanaovana heloka ary mitaredretra amin’ ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny;

30 Noho izany dia nisy ny lalàna nomena azy, eny, dia ny “lalàn’ ny fombam-pivavahana sy ny ^bôrdônansy, dia lalàna izay tsy maintsy “narahiny ara-bakiteny isan’ andro isan’ andro mba hitehirizana azy ao amin’

19a Gen. 1:31.

20a Mar. 7:10.

21a Mat. 5:21–22;

F&F 42:18.

TSM Famonaoan’
Olona.

22a TSM Fanitsakitsaham-
bady.

^b TSM Mangalatra.

23a Ohab. 24:28.

TSM Lainga.

24a TSM Mitsiriritra.

27a TSM Lalàn’ i Mosesy.

^b 3 Ne. 9:19–20; 15:4–5.

28a Gal. 2:16.

TSM Fanavotana;

Famonjena.

^b Gal. 2:21;

Môsià 3:14–15;

Almà 25:15–16.

^d TSM Sorompanavo-
tana.

29a Jos. 1:7–8.

^b Almà 46:8.

30a Eks. 20.

^b TSM Ôrdônansy.

^d Jakôba 4:5.

ny fahatsiarovana an' Andriamanitra sy ny adidiny Aminy.

31 Nefa indro, lazaiko aminareo, fa izany zavatra rehetra izany dia "tandindon' ny zavatra ho avy.

32 Ary ankehitriny, moa nahatakatra ny lalàna va izy? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nahatakatra ny lalàna izy rehetra; ary izany dia noho ny hamafin' ny fony; satria tsy nahatakatra izy fa tsy mety hisy olona azo vonjena "raha tsy amin' ny alàlan' ny fanavotan' Andriamanitra.

33 Fa indro, moa va i Mosesy tsy naminany taminy ny amin' ny fiavian' ny Mesia, ary Andriamanitra no hanavotra ny olony? Eny, ary na dia ny "mpaminany rehetra izay efa naminany hatry ny niandohan' izao tontolo izao aza—moa va izy ireny tsy efa niteny misimisy na fohifohy ny momba ireo zavatra ireo?

34 Moa tsy efa niteny va izy ireny fa Izy "Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon' ny zanak' olombelona sy haka eo Aminy ny endrik' olombelona, ary handeha aminkery sy fahefana eto ambonin' ny tany?

35 Eny, ary moa tsy efa niteny koa va izy ireny fa Izy no hanatanteraka ny "fitsanganana amin' ny maty ary Izy tenany dia hampahoriana sy hampijaliana?

TOKO 14

Niteny ho an' ny Mesia i Isaia — Naharihary ny fanivaivana sy ny fahorian' ny Mesia — Nanolotra ny fanahiny Izy ho fanatitra noho ny fahotana ary nanao fanalalanana ho an' ny mpandika lalàna — Ampitahao amin' Isaia 53. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ENY, ary moa va i Isaia tsy milaza hoe: Iza no nino ny tatitray, ary iza no anehoana ny sandrin' ny Tompo?

2 Fa Izy dia haniry eo anoloany toy ny zava-maniry tanora sy tahaka ny faka mitsimoka amin' ny tany karakaina; tsy manana endrika na hatsaran-tarehy Izy; ary rehefa hahita Azy isika dia tsy misy hatsarana haniriansika Azy.

3 Amavoina sy lavin' ny olona Izy; lehilahin' ny alahelo, sy zatra fahoriana; ary nafenintsika Taminy ny tavantsika; nohamavoina Izy ary tsy nanoantsika.

4 "Nitondra marina tokoa ny fahoriansika Izy ary nivesatra ny alahelontsika; kanefa isika dia nihevitra Azy ho novelezina sy nokapohin' Andriamanitra ary nampahoriana.

5 Nefa Izy dia noratraina noho ny "fandikantsika lalàna, notorotroina noho ny helotsika; ny famaizana nahatra taminy no nahazoantsika fiadanana;

31a Môsià 16:14;
Almà 25:15.
TSM Fanehoana an'
Ohatra.
32a 2 Ne. 25:23–25.

33a 1 Ne. 10:5;
Jakôba 4:4; 7:11.
34a Môsià 7:27; 15:1–3.
TSM Andriamanitra.
35a Isa. 26:19; 2 Ne. 2:8.

14 4a Almà 7:11–12.
b Mat. 8:17.
5a Môsià 15:9;
Almà 11:40.

ary ny dian-kapoka taminy no ^bnahasitrana antsika.

6 Isika rehetra dia samy efa naniaasia tahaka ny “ondry; samy efa nivily tamin’ ny lalany avy isika rehetra; ary efa nampihatra Taminy ny helotsika rehetra ny Tompo.

7 Nampijaliana sy nampahoriana Izy kanefa “tsy niloa-bava; nentina toy ny ^bzanak’ ondry hovanoina Izy, ary tahaka ny ondrivavy moana eo anoloan’ ny mpanety azy dia tsy niloa-bava Izy.

8 Nesorina niala ny tranomai-zina sy ny fitsarana Izy; ary iza no hanambara ny taranany? Fa nokapaina Izy hiala ny tanin’ ny velona; fa noho ny fandikan-dalàn’ ny oloko no namelezana Azy.

9 Ary nataony niaraka tamin’ ny olon-dratsy ny fasany, ary niaraka tamin’ ny “mpanankarena ny fatiny; satria Izy dia tsy nanao ^bratsy sady tsy nisy fitaka teo am-bavany.

10 Kanefa sitraky ny Tompo ny hanorotoro Azy; Izy dia efa nametraka Azy tao amin’ ny fahoriana; rehefa hanolo-tra ny fanahiny ianao ho fanatitra noho ny fahotana, dia hahita ny “taranany Izy ary hanalava ny androny Izy, ary ny fahafinaretan’ ny

Tompo dia hiroborobo eo antànany.

11 Hahita ny fijalian’ ny fanahiny Izy ary ho afa-po; amin’ ny fahalalany no hanamarinan’ ny mpanompoko marina ny maro; fa “hitondra ny helony Izy.

12 Noho izany Aho dia hano-me ny anjarany miaraka amin’ ny lehibe, ary Izy dia hizara babo miaraka amin’ ny mahery; fa efa naidiny hatrany amin’ ny fahafatesana ny fanahiny; ary efa natao ho isan’ ny mpandika lalàna Izy; ary nitondra ny fahotan’ ny maro Izy sy nanao “fanalalanana ho an’ ny mpandika lalàna.

TOKO 15

Ny maha-Ray sy Zanaka an’ i Kristy — Izy no hanao fanalalanana sy hitondra ny fandikan-dalàn’ ny olony — Izy ireo sy ny mpaminany masina rehetra no taranany—Nanantanteraka ny fitsanganana amin’ ny maty Izy — Ny fahazoan’ ny ankizy madinika fiainana mandrakizay. Toko-ny ho 148 talohan’ i j.k.

ARY ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Mba tiako ny hahata-karanareo fa Izy “Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon’ ny zanak’ olombelona ary ^bhanavotra ny olony.

2 Ary satria “mitoetra ao amin’

5b 1 Pet. 2:24–25.

6a Mat. 9:36;
2 Ne. 28:14;
Almà 5:37.

7a Mar. 15:3.
tsm Jesoa Kristy.
b tsm Zanakondrin’
Andriamanitra;
Paska.

9a Mat. 27:57–60;
Mar. 15:27, 43–46.
tsm Josefa Avy any
Arimatia.

b Jao. 19:4.
10a Môsià 15:10–13.
11a Lev. 16:21–22;
1 Pet. 3:18;
F&F 19:16–19.

12a 2 Ne. 2:9;
Môsià 15:8;
Môrô. 7:27–28.
15 1a 1 Tim. 3:16;
Môsià 13:33–34.
tsm Jesoa Kristy.
b tsm Fanavotana.
2a Môsià 3:5; 7:27;
Almà 7:9–13.

ny nofo Izy, dia hantsoina hoe Zanak' Andriamanitra Izy, noho Izy nifehy ny nofo tamin' ny sitrapon' ny ^bRay, ka tonga Ray sy Zanaka —

3 Ray, "satria ^bnotorontoronina tamin' ny herin' Andriamanitra Izy; ary Zanaka, noho ny amin' ny nofo; noho izany dia tonga Ray sy Zanaka Izy —

4 Ary Andriamanitra "iray ihany ireo, eny, dia Ilay ^bRay "Mandrakizay tokoa an' ny lanitra sy ny tany.

5 Ary dia toy izany no naha-tonga ny nofo ho voafehin' ny Fanahy, na ny Zanaka ho voafehin' ny Ray izay Andriamanitra iray "miaritra fakampanahy sy tsy resin' ny fakampanahy, fa mamela ny tenany kosa hoteva-tevaina sy ^bhokapohina, ary ho-roahina sy ^bholavin' ny olony.

6 Ary aorian' izany rehetra izany, ary aorian' ny hanaovany fahagagana mahery maro eo anivon' ny zanak' olombelona, dia hoentina Izy, eny, "araka ny tenin' i Isaia hoe, toy ny ondry moana eo anoloan' ny mpanety azy, dia tsy ^bniloa-bava Izy.

7 Eny dia hoentina toy izany Izy "hohomboana sy hovanoina, fa ny nofo dia efa zary fehezin' ny fahafatesana ary ny ^bsitra-

pon' ny Zanaka dia efa voatelina ao amin' ny sitrapon' ny Ray.

8 Ary dia toy izany no anapatapahan' Andriamanitra ny "famatoran' ny fahafatesana, rehefa azo ny ^bfandresena tamin' ny fahafatesana; ka manome fahefana ny Zanaka hanao "fanalalanana ho an' ny zanak' olombelona —

9 Rehefa niakatra any an-danitra, ka manana ny kibon' ny famindram-po; heniky ny fangorahana ny zanak' olombelona; mijoro manelanelana azy sy ny fahamarinana; nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana, ka efa nandray teo amin' ny "tenany ny helony sy ny fandikany lalàna, nanavotra azy sy ^bnanefa ny fitakian' ny fahamarinana.

10 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, iza no hilaza ny taranany? Indro, lazaiko aminareo fa rehefa avy natolotra ho fanatitra noho ny fahotany ny fanahiny, dia hahita ny "taranany Izy. Ary ankehitriny inona no lazainareo? Ary iza no ho taranany?

11 Indro, lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no efa nandre ny tenin' ny "mpaminany, eny, ny mpaminany masina rehetra izay efa naminany ny amin' ny fiavin' ny Tompo—Lazaiko ami-

2b Isa. 64:8;
Jao. 10:30; 14:8–10;
Môsià 5:7;
Almà 11:38–39;
Etera 3:14.
3a F&F 93:4.
b Lio. 1:31–33;
Môsià 3:8–9;
Almà 7:10; 3 Ne. 1:14.
4a Deot. 6:4;
Jao. 17:20–23.
TSM Andriamanitra.

b Môsià 3:8; Hel. 14:12;
3 Ne. 9:15; Etera 4:7.
d Almà 11:39.
5a Lio. 4:2; Heb. 4:14–15.
b Jao. 19:1.
d Mar. 8:31; Lio. 17:25.
6a Isa. 53:7.
b Lio. 23:9; Jao. 19:9;
Môsià 14:7.
7a TSM Fanomboana.
b Lio. 22:42; Jao. 6:38;
3 Ne. 11:11.

8a Môsià 16:7;
Almà 22:14.
b Hosea 13:14;
2 Tan. 15:55–57.
d 2 Ne. 2:9.
9a Isa. 53; Môsià 14:5–12.
b TSM Sorompanavotana.
10a Isa. 53:10;
Môsià 5:7; 27:25;
Môrô. 7:19.
11a F&F 84:36–38.

nareo fa izay rehetra efa nandre ny tenin' izy ireny sy nino fa hanavotra ny olony ny Tompo ary efa niandrandra izany andro izany ho famelana ny fahotany, dia lazaiko aminareo fa ireo no taranany, na ireo no mpandova ny ^bfanjakan' Andriamanitra.

12 Fa izy ireo no ireo izay efa ^anentiny ny fahotana; ho azy ireo no efa nahafaty Azy, mba hanavotra azy ireo amin' ny fandikany lalàna. Ary ankehitriny, moa va tsy taranany ireo?

13 Eny, ary moa va tsy izany ireo mpaminany, dia ny tsirairay izay efa niloa-bava haminany, izay tsy lavo tao amin' ny fandikan-dalàna, ny tiako holazaina dia ny mpaminany masina rehetra nisy hatry ny niandohan' izao tontolo izao? Lazaiko aminareo fa ireny no taranany.

14 Ary ireny no ireo izay efa nanambara fiadanana, izay efa nitondra teny soa mahafaly, izay efa ^ananambara famonjena; ary niteny tamin' i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamanitrao!

15 Ary, ô endrey ny hatsaran' ny tongony teny an-tendrombohitra!

16 Ary koa, endrey izany hatsaran' ny tongotr' ireo eny an-tendrombohitra izay mbola manambara fiadanana!

17 Ary koa, endrey ny hatsaran' ny tongotr' ireo eny an-tendrombohitra izay hanambara fiadanana rahatrizay, eny, hatramin'

izao fotoana izao ka ho mandrakizay!

18 Ary indro, lazaiko aminareo fa tsy izay ihany. Fa, ô endrey ny hatsaran' ny ^atongotr' irỳ eny an-tendrombohitra izay mitondra vaovao mahafaly, izay mpanorina ^bfiadanana, eny, dia ny Tompo izay efa nanavotra ny olony; eny, dia Izy izay efa nanome ny famonjena ho an' ny olony;

19 Fa raha tsy nisy ny fanavotana izay efa nataony ho an' ny olony, izay efa nomanina hatry ny ^afanorenana izao tontolo izao, lazaiko aminareo fa raha tsy nisy izany dia tsy maintsy ho efa ^bmaty ny olombelona rehetra.

20 Nefa indro, ny famatoran' ny fahafatesana dia hotapahina ary ny Zanaka dia manjaka sy manam-pahefana amin' ny maty; noho izany Izy dia manatontosa ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.

21 Ary dia ho tonga ny fitsanganana amin' ny maty, dia ny ^afitsanganana amin' ny maty voalohany izany; eny, dia ny fitsanganan' ireo izay efa lasana sy izay velona, ary izay ho velona amin' ny maty, mandrapitsangan' i Kristy amin' ny maty — fa izany no hiantsoana Azy.

22 Ary ankehitriny, ny fitsanganan' ny mpaminany rehetra amin' ny maty sy ireo rehetra izay nino ny tenin' izy ireny, na

11b TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra; Famonjena.

12a Môsià 14:12; Almà 7:13; 11:40–41.

14a Isa. 52:7;

Roma. 10:15;

1 Ne. 13:37;

Môsià 12:21–24.

TSM Asa Fitoriana.

18a 3 Ne. 20:40;

F&F 128:19.

b Jao. 16:33.

TSM Fiadanana.

19a Môsià 4:6.

b 2 Ne. 9:6–13.

21a Almà 40:16–21.

ireo rehetra izay efa nitandrina ny didin' Andriamanitra, dia ho to amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany; noho izany, dia ireo no fitsanganana amin' ny maty voalohany.

23 Atsangana ireo mba "hiarahonina amin' Andriamanitra izay efa nanavotra azy; dia toy izany no ananany fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Kristy izay efa ^bnanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana.

24 Ary izy ireo no ireo izay manana anjara amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany; izy ireo no ireo izay efa maty tao amin' ny tsy fahalalany talohan' ny nahatongavan' i Kristy, rehefa tsy nahazo ny "famondra nambara taminy. Ary dia toy izany no hanatontosan' ny Tompo ny fampodiana azy ireo amin' ny laoniny, ary ireo dia manana anjara amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany na manana ny fiainana mandrakizay, rehefa navotan' ny Tompo.

25 Ary mahazo ny fiainana mandrakizay koa ny "ankizy madinika.

26 Nefa indro, ary "matahòra sy mangovita eo anoloan' Andriamanitra, fa ianareo dia tokony hangovitra; fa ny Tompo tsy manavotra ireo izay ^bmikomy Aminy ary ^dmaty ao amin' ny fahotany; eny, dia ireo rehetra izay efa maty tao amin' ny

fahotany hatry ny niandohan' izao tontolo izao, izay efa ninia nikomy tamin' Andriamanitra, izay efa nahalala ny didin' Andriamanitra ary tsy nety nitandrina izany; "ireny no ireo izay ^ftsy manana anjara ao amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany.

27 Noho izany, moa va tsy mba tokony hangovitra ianareo? Fa ny famondra dia tsy tonga amin' ny toy ireny; fa tsy nanavotra ny toy ireny ny Tompo; eny, sady tsy afaka manavotra ny toy ireny ny Tompo; fa tsy afaka mandà ny tenany Izy; fa tsy afaka mandà ny "fahamarinana Izy rehefa ao amin' ny zony izany.

28 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana ka ny famondra ny Tompo dia "holazaina amin' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay avy.

29 Eny, ry Tompo, ny "mpitilinao hanandratra ny feony; hiray feo izy ka hihira; fa izy dia hahita mifanatri-maso, hahita haverin' ny Tompo indray i Ziona.

30 Velomy ny hoby, miaraha-mihira ianareo, ry toerana rava ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nanavotra an' i Jerosalema Izy.

31 Ny Tompo efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason' ny firenen-drehetra; ary ny

23a Sal. 24:3–4;
1 Ne. 15:33–36;
F&F 76:50–70.
^b TSM Fahafatesan' ny
Vatana.
24a 2 Ne. 9:25–26;
F&F 137:7.

25a F&F 29:46; 137:10.
TSM Famondra—
Famondra ny
ankizy.
26a Deot. 5:29; Jakôba 6:9.
^b 1 Ne. 2:21–24.
^d Ezek. 18:26;

1 Ne. 15:32–33;
Môrô. 10:26.
^e Almà 40:19.
^f F&F 76:81–86.
27a Almà 34:15–16; 42:1.
28a TSM Asa Fitoriana.
29a TSM Mpiambina.

faran' ny tany rehetra hahita ny famonjen' ny Andriamanitsika.

TOKO 16

Nanavotra ny olona tamin' ny toetry ny fahalavoana sy fahaverezana Andriamanitra— Ireo izay olon' ny nofo dia nijanona toy ny tsy nisy fanavotana vita—I Kristy no natanteraka ny fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fiainana tsisy fiafarany na ho amin' ny fanamelohana tsisy fiafarany. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia naninjitra ny tânany izy ary nanao hoe: Ho avy ny fotoana izay hahitan' ny rehetra ny "famonjen' ny Tompo; ka ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay avy dia hahita maso sy ^bhiaiky eo anoloan' Andriamanitra fa marina ny fitsarany.

2 Ary amin' izany, dia "horohina hiala ny olon-dratsy, ary ireo dia hanana antony hidradradrana sy ^bhitomaniana ary hitaraindrainana sy hiki-troa-nify; ary izany dia noho ny tsy netezany nihaino ny feon' ny Tompo; noho izany izy ireo dia tsy avotan' ny Tompo.

3 Fa izy ireo dia "olon' ny nofo sy ny ^bdevoly, ary manam-pa-

hefana aminy ny devoly; eny, dia ilay menarana ela izay ^ananangoly ny ray aman-drenin-tsika voalohany, izay anton' ny ^afahalavoany; izay nahatonga ny olombelona rehetra ho olon' ny nofo, ny filàna ary ny devoly rehefa ^anahalala ny tsara sy ny ratsy ary nifehy tena ho an' ny devoly.

4 Dia toy izany no "nahavery ny olombelona rehetra; ary indro, tsy ho nisy fiafarany ny nahavery azy raha toa Andriamanitra ka tsy nanavotra ny olony tamin' ny toetry ny fahaverezany sy ny fahalavoany.

5 Nefa tsarovy fa izay miziriziry amin' ny maha-"olon' ny nofo azy ary manohy ny diany amin' ny lalan' ny fahotana sy ny fikomiana amin' Andriamanitra dia mijanona ao amin' ny toetry ny fahalavoany, ary manana ny fahafana rehetra aminy ny devoly. Noho izany izy dia mijanona toy ny tsy nisy ^bfanavotana vita, noho izy fahavalon' Andriamanitra; ary ny devoly koa dia fahavalon' Andriamanitra.

6 Ary ankehitriny, raha tsy tonga teo amin' izao tontolo izao i Kristy, satria miresaka ny amin' ny zavatra ho avy "toy ny efa tonga sahadry aho, dia tsy ho nety nisy ny fanavotana.

7 Ary raha tsy nitsangana tamin' ny maty i Kristy, na tsy

16 1a TSM Famonjena.

b Môsià 27:31.

2a F&F 63:53-54.

b Mat. 13:41-42;

Lio. 13:28;

Almà 40:13.

3a Gal. 5:16-25;

Môsià 3:19.

TSM Olona araka ny Nofo.

b 2 Ne. 9:8-9.

TSM Devoly.

d Gen. 3:1-13;

Mos. 4:5-19.

e TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

f 2 Ne. 2:17-18, 22-26.

4a Almà 42:6-14.

5a Almà 41:11.

TSM Ara-nofy.

b TSM Fanavotana.

6a Môsià 3:13.

nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana mba tsy hahazoan' ny fasana fandresena ary tsy hananan' ny fahafatesana "fanindronana, dia tsy ho nety nisy ny fitsanganana amin' ny maty.

8 Nefa misy ny "fitsanganana amin' ny maty, noho izany ny fasana dia tsy manana fandresena ary ny fanindronan' ny ^bfahafatesana dia efa voatelina ao amin' i Kristy.

9 Izy no "fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao; eny, fahazavana tsisy fiafarany izay tsy azo hamaizinina na oviana na oviana; eny, ary koa fiainana izay tsisy fiafarany mba tsy hisian' ny fahafatesana intsony.

10 Ka na dia ity mety maty ity aza dia mitafy ny "tsy fahafatesana, ary ity fahalovana ity dia mitafy ny tsy fahalovana, ary hoentina ^bmijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra mba ^dhotsarainy araka ny asany avy, na tsara izany na ratsy —

11 Raha tsara izany, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' "ny fiainana sy fahasambaranana tsisy fiafarany; ary raha ratsy kosa, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny ^bfanamelohana tsisy fiafarany, rehefa natolotra ny devoly izay efa nifehy azy, izay no fahaverezana —

12 Rehefa nandeha araka ny sitrapon' ny nofo sy ny faniria-

ny avy; rehefa tsy niantso na oviana na oviana ny Tompo raha mbola nitsotra taminy ny sandrin' ny famindram-po; satria efa nitsotra taminy ny sandrin' ny "famindram-po fa tsy nety izy; efa nanarina noho ny helony izy fa tsy te hiala tamin' izany; ary nodidina hibe-baka izy, kanefa tsy te hibe-baka.

13 Ary ankehitriny, moa va ianareo tsy tokony hangovitra sy hibe-baka amin' ny fahotana-areo ary hahatsiaro fa ao Aminy sy amin' ny alalan' i Kristy ihany no hahazoana mamonjy anareo?

14 Koa raha mampianatra ny "lalàn' i Mosesy ianareo, dia ampianaro koa fa izany dia tandindon' ireo zavatra izay ho avy —

15 Ampianaro azy fa ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' i Kristy Tompo izay ny "Ray Mandrakizay tokoa. Amena.

TOKO 17

Nino sy nanoratra ny tenin' i Abinadia i Almà — Niaritra fahafatesana tamin' ny afo i Abinadia — Naminany aretina sy fahafatesana amin' ny afo ho an' ny mpamono azy izy. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nofaranan' i Abinadia izany teny izany, dia nodidian' ny mpanjaka ny hi-

7a Hosea 13:14;
Môsià 15:8, 20.

8a Almà 42:15.
TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.
b Isa. 25:8;
2 Tan. 15:54–55;
Môrm. 7:5.

9a F&F 88:5–13.
TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

10a Almà 40:2.
TSM Tsy Fahafatesana.
b TSM Fitsarana
Farany, Ny.
d Almà 41:3–6.

11a TSM Fiainana
Mandrakizay.
b TSM Fahamelohana.
12a TSM Famindram-po.
14a TSM Lalàn' i Mosesy.
15a Môsià 3:8; 5:7;
Etera 3:14.

tondran' ny "mpisorona azy sy ny hanaovany izay hahafaty azy.

2 Nefa nisy anankiray teo amin' ireo, izay i "Almà no anarany, izy koa dia avy amin' ny tamin-gan' i Nefia. Ary tovolahy izy, ary ^bnino ny teny izay efa nolazain' i Abinadia, satria izy dia nahalala ny momba ny heloka izay efa nambaran' i Abinadia, niampangana azy ireo; noho izany izy dia nanomboka nian-gavy ny mpanjaka mba tsy ho tezitra amin' i Abinadia, fa hamela azy kosa hahazoany mandeha am-piadanana.

3 Nefa vao mainka koa nisafoaka ny mpanjaka ary nasainy noroahina hiala teo anivony i Almà ary nalefany ny mpanompony hanenjika azy hahazoany mamono azy.

4 Nefa nandositra niala teo anoloany izy sy niafina ka tsy hitany. Ary satria niafina nandritra ny andro maro izy, dia "nosoratany ny teny rehetra izay efa nolazain' i Abinadia.

5 Ary ny zava-nitranga dia nasain' ny mpanjaka nohodidinin' ny mpiambina azy i Abinadia ary nosamborina; ary ireo dia namatotra azy sy nampiditra azy am-ponja.

6 Ary rehefa afaka hateloana, rehefa nila hevitra tamin' ny mpisorony izy, dia nasainy nentina teo anoloany indray izy.

7 Ary hoy izy taminy: Ry Abinadia, efa nahita fiampan-gana anao izahay, ary ianao dia mendrika ny ho faty.

8 Satria efa nolazainao fa Izy "Andriamanitra tenany mi-hitsy no hidina eo anivon' ny zanak' olombelona; ary ankehitriny noho izany antony izany dia hovonoina ho faty ianao raha tsy hoe manatsoaka ny teny rehetra izay efa nilazanao antambo momba ahy sy ny oloko.

9 Ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Lazaiko aminao, izaho dia tsy hanatsoaka ny teny izay efa nolazaiko anao momba ity vahoaka ity, satria marina ireny; ary mba hahazoanao mahafantatra ny maha-azo antoka ireny no efa naneken' ny tenako hitolo-batana aminao.

10 Eny, ary hiaretako na dia hatramin' ny fahafatesana aza, ary izaho tsy hanatsoaka ny teniko, ary ireny dia hijoro ho toy ny vavolombelona hiampangana anareo. Ary raha mamono ahy ianareo dia handatsaka "ra tsy manan-tsiny, ary izany koa dia hijoro ho toy ny vavolombelona hiampangana anareo amin' ny andro farany.

11 Ary ankehitriny, dia efa saika hamotsotra azy i Noà mpanjaka, satria natahotra ny teniny izy; satria natahotra izy fandrao ho tonga aminy ny famalian' Andriamanitra.

12 Nefa nampiakatra ny feony taminy ny mpisorona ary rafitra niampangana azy, nanao hoe: Efa nanevateva ny mpanjaka izy. Noho izany dia novokisana ho tezitra taminy ny mpanjaka

17 1a Môsià 11:1, 5-6.
2a Môsià 23:6, 9-10.
TSM Almà Rainy.

b Môsià 26:15.
4a TSM Soratra Masina.
8a Môsià 13:25, 33-34.

10a Almà 60:13.

ary dia nanolotra azy hovanoina izy.

13 Ary ny zava-nitranga, dia nosamboriny sy nofatorany izy ary nokapohiny tamin' ny kitay ny hodiny, eny, ambara-pahafatiny.

14 Ary ankehitriny nony efa nanomboka nandoro azy ny lelafo, dia nihiaka izy, nanao hoe:

15 Indro, toy ny efa nataonareo tamiko, dia toy izany koa no hitranga, fa ny taranakareo dia hanao izay hiaretan' ny maro ny fangirifiriana izay iaretako, dia ny fangirifirian' ny "fahafatesana amin' ny afo; ary izany dia noho izy ireo mino ny famonjen' ny Tompo Andriamaniny.

16 Ary ny zavatra hitranga dia hampahoriana amin' ny karazana aretina rehetra ianareo noho ny helokareo.

17 Eny, ary ianareo dia "hokapohina amin' ny lafiny rehetra, sy hoenrehina, ary hahahaka etsy sy eroa, dia toy ny ondry aman' osy kaodikaody enjehin' ny bibidia masiaka tsy mifadirovana.

18 Ary amin' izany andro izany dia hohazaina ianareo sy hosamborin' ny tanan' ny fahavalonareo, ary amin' izany ianareo dia hiaritra toy ny hiaretako ny fangirifirian' ny "fahafatesana amin' ny afo.

19 Dia toy izany no anatanterahan' Andriamanitra ny "valifaty amin' ireo izay mamongotra ny olony. Andriamanitra ô, raiso ny fanahiko.

20 Ary ankehitriny, nony efa nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia lavo izy rehefa avy niaritra ny fahafatesana tamin' ny afo; eny, rehefa novonoina ho faty noho ny tsy netezany nandà ny didin' Andriamanitra, ka nofeheziny tamin' ny fahafatesany ny fahamarinan' ny teniny.

TOKO 18

*Nitory teny mangingina i Almà—
Nanazava ny fanekempihavanan' ny batisa izy ary nanao batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna—
Nanangana ny Fiangonan' i Kristy izy ary nanendry mpisorona—
Name-lon-tena ny mpisorona ary nampianatra ny vahoaka—
Nankany an-tany foana i Almà sy ny olony mandositra an' i Noà Mpanjaka.
Tokony ho 147–145 talohan' i J.K.*

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, dia "nibebaka tamin' ny fahotany sy ny helony i Almà izay nandositra ny mpanompon' i Noà mpanjaka, ary nandeha an-tsokosoko tany anivon' ny vahoaka sy nanomboka nitory ny tenin' i Abinadia—

2 Eny, momba izay ho avy ary koa momba ny fitsanganana amin' ny maty sy ny "fanavotana ny olona, izay ho tanteraka amin' ny alalan' ny ^bfahefana sy ny fahoriana ary ny fahafatesan' i Kristy sy ny fitsanganany amin' ny maty ary ny fiakarany any an-danitra.

3 Ary izay rehetra nety nihai-

15a Môsià 13:9–10;
Almà 25:4–12.
17a Môsià 21:1–5, 13.

18a Môsià 19:18–20.
19a TSM Valifaty.
18 1a Môsià 23:9–10.

2a TSM Fanavotana.
b TSM Sorompanavotana.

no ny teniny dia nampianariny. Ary nampianatra an' ireo mangingina izy mba tsy hahatonga izany ho fantatry ny mpanjaka. Ary maro no nino ny teniny.

4 Ary ny zava-nitranga dia izay rehetra nino azy dia nandeha nankany amin' ny "toerana izay nantsoina hoe Môrmôna, izay nandray ny anarany avy tamin' ny mpanjaka, izay any an-tsisin-tany sady iriariavan' ny bibidia amin' ny fotoana na vanim-potoana samy hafa.

5 Ankehitriny, dia nisy loharano madio tao Môrmôna, ary nandeha tany i Almà, fa teo anilan' ny farihy dia nisy kirihitr' ala madinika, izay niafenan' ny tenany tamin' ny antoandro tamin' ny fikarohan' ny mpanjaka.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nankany izay rehetra nino azy mba handre ny teniny.

7 Ary ny zava-nitranga rehefa afaka andro maromaro, dia nisy betsaka tokoa ny isan' ireo nivory tao amin' ny toeran' i Môrmôna mba handre ny tenin' i Almà. Eny, tafavory niaraka avokoa izay nino ny teniny mba handre azy. Ary "nampianariny izy ireo ary notoriany taminy ny fibebahana sy ny fanavotana ary ny finoana ny Tompo.

8 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy taminy: Indro, inty no ranon' i Môrmôna (fa izany no niantsoana azy) ary ankehitriny, satria "maniry ianareo ny ho tonga

ao amin' ny ^bvalan' Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary ^dte hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

9 Eny, ary te hiara-malahelo amin' izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho "vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr' Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin' ireo ao amin' ny ^bfitsanganana amin' ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny ^dfiainana mandrakizay —

10 Ankehitriny, lazaiko aminareo, raha izany no fanirian' ny fonareo, inona no misakana ny tsy anaovana "batisa anareo amin' ny anaran' ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao ^bfanekempihavana-na Taminy ianareo, fa hanompo Azy sy hitandrana ny didiny mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny aminareo?

11 Ary ankehitriny, nony efa nandre izany teny izany ny vahoaka dia niteha-tànana noho ny fifaliana ary niantso hoe: Izany no fanirian' ny fonay.

12 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, i Almà dia naka an' i Helama, izy dia anankiray

4a Almà 5:3.

7a Almà 5:11-13.

8a F&F 20:37.

^b TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

^d TSM Fangorahana.

9a TSM Asa Fitoriana;

Mijoro ho

Vavolombelona;

Vavolombelona.

^b Môsià 15:21-26.

^d TSM Fiainana

Mandrakizay.

10a 2 Ne. 31:17.

TSM Batisa.

^b TSM Fanekempihavana-na.

tamin' ireo voalohany, ary nan-deha sy nijoro tao anaty rano ary niantso hoe: Tompo ô, aidi-no amin' ny mpanomponao ny Fanahinao mba hahazoany manao izao asa izao amin' ny fa-hamasinan' ny fo.

13 Ary rehefa avy nilaza izany teny izany izy, dia tonga taminy ny "Fanahin' ny Tompo ary hoy izy: Ry Helama, izaho ^bmanao batisa anao rehefa nahazo ny ^dfahefana avy tamin' Andriamanitra Tsitoha ho fanambarana fa ianao dia efa nanao fanekem-pihavanana fa hanompo Azy mandra-pahafatinao raha ny amin' ny vatana mety maty; ary ny Fanahin' ny Tompo anie hirotsaka amina; ary Izy anie hanome anao ny fiainana mandrakizay, amin' ny alalan' ny ^efanavotan' i Kristy, izay efa no-maniny hatry ny ^ffanorenana izao tontolo izao.

14 Ary rehefa avy nilaza izany teny izany i Almà, dia niara-^anilevina tao anaty rano i Almà sy i Helama; ary dia niara-nit-sangana izy ireo ary nivoaka ny rano, faly sy heniky ny Fanahy.

15 Ary naka anankiray hafa indray i Almà ary nandeha fanindroany niditra tao anaty rano ary nanao batisa azy araka ilay voalohany, saingy tsy nandevina ny tenany tao anaty rano intso-ny izy.

16 Ary dia araka izany fomba

izany no nanaovany batisa ny rehetra izay tonga teo amin' ny toeran' i Môrmôna; ary niisa ho efatra sy roanjato ireo olona ireo; eny, ^avita batisa teo amin' ny ranon' i Môrmôna ireo ary heniky ny ^bfahasoavan' Andriamanitra.

17 Ary nantsoina hoe ny fian-gonan' Andriamanitra na ny ^afiangonan' i Kristy ireo hatra-min' izay fotoana izay. Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no natao batisa tamin' ny hery sy fahefan' Andriamanitra dia natambatra tamin' ny fian-gonana.

18 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahazo ^afahefana avy tamin' Andriamanitra i Almà, dia nanokana mpisorona izy; mpisoro-na iray isaky ny olona dimam-polo taminy no notendreny mba hitory aminy sy ^bhampianatra azy ny momba ny zavatra mikasika ny fanjakan' Andriamanitra.

19 Ary nodidiany izy ny tsy hampianarany afa-tsy ny zava-tra izay efa nampianariny sy izay efa niloaka ny vavan' ny mpaminany masina.

20 Eny, izy dia nandidy azy mihitsy ny tsy ^ahitoriany afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo izay efa nanavotra ny olony.

21 Ary izy dia nandidy azy ny tsy hisian' ny ^afifandirana eo amin' izy samy izy fa ny hiban-jinany kosa ny ho avy amin' ny

13a TSM Fanahy Masina.

b 3 Ne. 11:23–26;

F&F 20:72–74.

d Fp. 1:5.

TSM Fisoronana.

e TSM Fanavotana.

f Mos. 4:2; 5:9.

14a TSM Batisa—Batisa asitrika.

16a Môsià 25:18.

b TSM Fahasoavana.

17a 3 Ne. 26:21; 27:3–8.

TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

18a TSM Fisoronana.

b TSM Mampianatra.

20a F&F 15:6; 18:14–16.

21a 3 Ne. 11:28–30.

TSM Fifandirana.

^bmaso tokana, manana finoana iray sy batisa iray ary manana ny fony mifamihina ao amin' ny "firaisan-kina sy ny fifankatiavan' izy samy izy.

22 Ary dia toy izany no nandidiany azy hitory. Ary dia toy izany no nahatonga azy ho "zanak' Andriamanitra.

23 Ary nandidy azy izy ny hanajany ny "andro sabata sy ny hanamasinany izany, ary koa ny hanaterany fisaorana isan' andro ho an' ny Tompo Andriamaniny.

24 Ary nandidy azy koa izy ka ny mpisorona izay efa notendreny dia tokony "hampiasa ny tànany ho fivelomany.

25 Ary nisy andro iray isan-kerinandro izay natokana mba hiarahany mivory hampianatra ny vahoaka sy "hidera ny Tompo Andriamaniny, ary koa hiaramivory araka izay tratran' ny heriny.

26 Ary ny mpisorona dia tsy tokony hiantehitra amin' ny vahoaka amin' ny fivelomany; fa noho ny asany kosa, dia handray ny "fahasoavan' Andriamanitra izy ka hihamatanjaka ara-panahy, manana ny ^bfahalalana an' Andriamanitra mba hahazoany mampianatra amin-kery sy ny fahefana avy amin' Andriamanitra.

27 Ary i Almà dia nandidy indray ny hanomezan' ny vahoakan' ny fiangonana amin' ny

fananany, ny "tsirairay araka izay nananany; raha manana bebe kokoa izy, dia tokony hanome bebe kokoa, ary ho an' izay manana kelikely ihany, dia kelikely ihany kosa no angatahina aminy; ary ho an' izay tsy manana kosa, dia homena izy.

28 Ary dia toy izany no tokony hanomezany amin' ny fananany, araka ny safidiny malalaka sy ny faniriany tsara momba an' Andriamanitra sy ho an' ny mpisorona izay ao anatin' ny fahasahiranana, eny, ary ho an' ireo olona ory sy mitanjaka rehetra.

29 Ary izany no nolazainy taminy, rehefa nodidian' Andriamanitra; ary izy ireo dia "nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan' Andriamanitra sady ^bnifampizara ny ara-nofo sy ny ara-panahy araka izay nilainy sy notadiaviny.

30 Ary ankehitriny, ny zavanimitranga dia natao tao Môrmôna izany rehetra izany, eny, teo amoron' ny "ranon' i Môrmôna, tao anaty ala izay akaikin' ny ranon' i Môrmôna; eny, ny toeran' i Môrmôna, ny ranon' i Môrmôna, ny alan' i Môrmôna, endrey ny hakantony teo imason' ireo izay teo no tonga tamin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy; eny, endrey ny fitahiana azy, fa ireo dia hihira ny fankalazana Azy mandrakizay.

21b Mat. 6:22;
F&F 88:67–68.
d TSM Firaisan-kina.
22a Môsià 5:5–7;
Mos. 6:64–68.
23a Môsià 13:16–19;
F&F 59:9–12.

24a Asa 20:33–35;
Môsià 27:3–5;
Almà 1:26.
25a TSM Fitsaohana.
26a TSM Fahasoavana.
b TSM Fahalalana.
27a Asa 2:44–45;

4 Ne. 1:3.
29a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
b TSM Asa
Fanasoavana.
30a Môsià 26:15.

31 Ary ireo zavatra ireo dia natao tany an-^atsisin-tany mba tsy hahatonga ny fahalalana izany any amin' ny mpanjaka.

32 Nefa indro ny zava-nitranga, rehefa nahita ny fihetsiketsehana teo anivon' ny vahoaka ny mpanjaka, dia naniraka ny mpampony hanara-maso azy ireo. Noho izany, tamin' ny andro izay niarahany nifamory mba hihaino ny tenin' ny Tompo, dia niharihary tamin' ny mpanjaka ny aminy.

33 Ary ankehitriny, ny mpanjaka dia nilaza fa namoky ny vahoaka hikomy aminy i Almà; koa nalefany ny miaramilany hamongotra azy ireo.

34 Ary ny zava-nitranga dia ^anandre mialoha ny fiavian' ny miaramilan' ny mpanjaka i Almà sy ny vahoakan' ny Tompo; koa dia nentina ny lainy sy ny ankohonany ary niainga izy ireo nankany an-tany foana.

35 Ary sahabo ho dimampolo sy efajato ny isan' ny olona.

TOKO 19

Nikatsaka hamono an' i Noà Mpanjaka i Gideôna—Nanani-bohitra ny Lamanita—Niaritra fahafatesana tamin' ny afo i Noà Mpanjaka—Nanapaka toy ny tompomenakely i Limia. Tokony ho 145–121 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niverina ny miaramilan' ny mpanjaka, rehefa very maina ny fikarohana ny ny vahoakan' ny Tompo.

2 Ary ankehitriny, indro vitsy ireo lahindefon' ny mpanjaka, satria nihena, ary nanomboka nisy fisaraham-bazana teo anivon' ny vahoaka sisa.

3 Ary ny ampahany vitsy an' isa dia nanomboka nifofo fandrahonana ny mpanjaka, ary dia nanomboka nisy fifandirana lehibe teo anivony.

4 Ary ankehitriny dia nisy lehilahy anankiray teo anivony, izay i Gideôna no anarany, ary izy dia lehilahy matanjaka sy fahavalon' ny mpanjaka, noho izany dia nosintoniny ny sabany ary nianiana tamin' ny fahatezerany izy fa hovo noiny ny mpanjaka.

5 Ary ny zava-nitranga dia niady tamin' ny mpanjaka izy; ary nony nahita ny mpanjaka fa efa akaiky horesiny izy, dia nandositra izy ary nianika ny ^atilikambo izay akaikin' ny tempoly.

6 Ary nanenjika azy i Gideôna, ary saika hianika ny tilikambo izy hamono ny mpanjaka, ary nanopy ny masony manodidina ny mpanjaka nitazana ny tanin' i Semlôna, ary indro, ny miaramilan' ny Lamanita dia efa tafiditra ny sisin-tany.

7 Ary ankehitriny, ny mpanjaka dia niantso noho ny fitaintainan' ny fanahiny, nanao hoe: Ry Gideôna ô, tsimbino aho fa mby amintsika ny Lamanita, ary hamongotra antsika izy, eny, hamongotra ny oloko izy.

8 Ary ankehitriny dia tsy nahoan' ny mpanjaka firy noho ny ainy anefa izay vahoakany;

na dia izany aza dia nitsimbina ny ainy i Gideôna.

9 Ary nodidian' ny mpanjaka ny handosiran' ny vahoaka eo anoloan' ny Lamanita, ary ny tenany mihitsy dia nandositra teo anoloany, ary dia nitsoaka nandositra nankany an-tany foana izy ireo niaraka tamin' ny vady aman-janany.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy ireo ny Lamanita ka nahatratra azy ireo, ary rafi-tra namono azy ireo.

11 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandidy azy ireo ny mpanjaka mba handaozan' ny lehilahy rehetra ny vady aman-janany ary handosirany eo anoloan' ny Lamanita.

12 Ankehitriny dia nisy maro izay tsy nety nandao azy ireo, fa naleony nijanona sy niaramaty taminy. Ary ny sisa kosa nandao ny vady aman-janany ary nandositra.

13 Ary ny zava-nitranga dia ireo izay niara-nijanona tamin' ny vady aman-janany dia nanao izay hirosoan' ireo zananivavy kanto sy hitalahoany ny Lamanita mba tsy hamonoany azy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanana fitserana azy ny Lamanita, fa babon' ny hatsaran' ny zatovovaviny izy.

15 Noho izany ny Lamanita dia nitsimbina ny ainy ary naka azy ho babo sy nitondra azy niverina tany an-tanin' i Nefia, ary notoviny taminy ny hahazoany mizaka ny tany, ka ny fepetra dia ny hanolorany an'

i Noà mpanjaka ho eo an-tànan' ny Lamanita sy hanolorany ny fananany, dia ny antsasak' izay rehetra ananany, antsasaky ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny rehetra, ary dia toy izany no nandoavany hetra tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita isantaona isan-taona.

16 Ary ankehitriny dia nisy anankiray tamin' ny zanakalahin' ny mpanjaka tamin' ireo izay nentina ho babo, izay i "Limia no anarany.

17 Ary ankehitriny dia naniry i Limia ny tsy hamongorana an-drainy; kanefa dia tsy zovina tamin' i Limia ny amin' ny heloky ny rainy noho ny mahaolo-marina ny tenany.

18 Ary ny zava-nitranga dia naniraka olona an-tsokosoko i Gideôna hankany an-tany foana mba hikaroka ny mpanjaka sy ireo izay niaraka taminy. Ary ny zava-nitranga dia nifanehitra tamin' ny olona tany an-tany foana izy ireo, dia izy rehetra afa-tsy ny mpanjaka sy ny mpi-sorony.

19 Ankehitriny izy ireo dia efa nianiana tao am-pony fa hiverina any an-tanin' i Nefia, ary raha toa efa novonoina ny vady aman-janany ary koa ireo izay efa niara-nijanona taminy, dia hitady ny hamaly faty izy ireo, ary koa ho faty miaraka aminy.

20 Ary nandidy azy ireo ny mpanjaka ny tsy hiverenany; ary dia tezitra tamin' ny mpanjaka izy ireo ary nataony izay

hijaliany na dia hatramin' ny "hahafatesany tamin' ny afo aza.

21 Ary efa andeha hisambotra ny mpisorona koa izy ireo sy hamono azy ho faty, ary nandositra teo anoloany izy.

22 Ary ny zava-nitranga dia efa saika hiverina any an-tanin' i Nefia izy ireo, raha nifanena tamin' ny olon' i Gideôna. Ary ny olon' i Gideôna dia nilaza taminy ny amin' ny zava-drehetra nanjo ny vady aman-janany sy ny namelan' ny Lamanita azy hahazo hizaka ny tany amin' ny alàlan' ny fandoavana hetra amin' ny Lamanita, dia ny antsasak' izay rehetra nananany.

23 Ary nolazain' ny vahoaka kosa tamin' ny olon' i Gideôna fa efa novonoiny ny mpanjaka, ary ny mpisorony dia efa nandositra azy lavidavitra nankany an-tany foana.

24 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nofaranany ny fomba-fomban' ny fihaonana, dia niverina tany an-tanin' i Nefia izy ireo nifaly, satria tsy novonoina ny vady aman-janany; ary dia nolazainy tamin' i Gideôna ny amin' izay efa nataony tamin' ny mpanjaka.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanao "fianianana taminy ny mpanjakan' ny Lamanita fa tsy hamono azy ny olony.

26 Ary i Limia koa, izay zanakalahin' ny mpanjaka, rehefa nandray ny fanjakana' "natolotry ny vahoaka azy, dia nianiana tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita fa handoa hetra aminy

ny olony, dia ny antsasak' izay rehetra ananany.

27 Ary ny zava-nitranga dia rafitra nanorina ny fanjakan' i Limia ary nampiorina fandriampahalemana teo anivon' ny olony.

28 Ary ny mpanjakan' ny Lamanita dia nanisy mpiambina manodidina ny tany mba hahazoany mitana ny vahoakan' i Limia eo amin' ny tany, ka tsy hahazoany miala mankany antany foana; ary novelominy tamin' ny hetra izay noraisiny avy tamin' ny Nefita ny mpiambiny.

29 Ary ankehitriny i Limia mpanjaka dia nahita fandriampahalemana lalandava teo amin' ny fanjakany nandritra ny roa taona fa tsy nampitondra faisana na nitady ny hamongotra azy ny Lamanita.

TOKO 20

Nalain' ny mpisoron' i Noà ankeriny ny sasany tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita — Namaky ady tamin' i Limia sy ny olony ny Lamanita — Voatosika ary nitony ny miaramila Lamanita. Tokony ho 145–123 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY dia nisy toerana iray tao Semlôna, izay niarahan' ny zanakavavin' ny Lamanita nifamory mba hihira sy handihy ary hamalifaly ny tenany.

2 Ary ny zava-nitranga indray andro dia nisy vitsivitsy taminy no niara-tafavory mba hihira sy handihy.

3 Ary ankehitriny ny mpisoron' i Noà mpanjaka, rehefa menatra ny hiverina ao an-tanànan' i Nefia, eny, ary koa natahotra fandrao hovanoin' ny olona, noho izany dia tsy sahin' ny niverina tany amin' ny vady aman-janany.

4 Ary rehefa nijanona tany antany foana sy nahita ny zanakavavin' ny Lamanita izy dia niafina sy nitily azy;

5 Ary rehefa tsy nisy afa-tsy vitsivitsy taminy no niara-tafavory mba handihy, dia nivoaka ny toerana niafenany izy ary naka azy sy nitondra azy nankany an-tany foana; eny, efatra amby roapolo tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita no nentiny nankany an-tany foana.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa nanjavona ny zanany vavy, dia tezitra tamin' ny vahoakan' i Limia izy, satria nihevitra izy fa ny vahoakan' i Limia no anton' izany.

7 Noho izany izy dia nandefa ny miaramilany; eny, ary ny tenan' ny mpanjaka mihitsy no nialoha làlana ny vahoakany; ary nandeha niakatra tany antanin' i Nefia ireo mba hamongotra ny vahoakan' i Limia.

8 Ary ankehitriny dia efa nahatazana azy avy teny amin' ny tilikambo i Limia, tazany na dia ny fiomankomanany ho amin' ny ady aza; noho izany dia namory ny olony niaraka izy, ary namela otrika ho azy teny antsaha sy tao an' ala.

9 Ary ny zava-nitranga, nony

efa tafakatra ny Lamanita, dia rafitra niantoraka taminy avy tamin' ny toerana niandrasany ny vahoakan' i Limia ary nanomboka namono azy.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, fa niady toy ny liona miaro ny hazany izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandroaka ny Lamanita teo anoloany ny vahoakan' i Limia; kanefa dia tsy nisy antsasaky ny Lamanita ny hamaroany. Saingy "niady ho an' ny ainy sy ho an' ny vadiny ary ho an' ny zanany izy; koa nataony vivery ny tenany ary toy ny dragona no fiadiny.

12 Ary ny zava-nitranga dia hitany teo anivon' ireo maty ny mpanjakan' ny Lamanita; tsy maty anefa izy fa naratra ary tavela teo amin' ny tany satria haingana loatra ny fandosiran' ny olony.

13 Ary naka azy izy ary namehy ny ratrany sy nitondra azy teo anoloan' i Limia, ary nanao hoe: Indro, inty ny mpanjakan' ny Lamanita; fa naratra izy ka efa niampatra teo anivon' ireo maty taminy, ary ireo dia efa nandao azy; ary indro, efa nentinay eto anoloanao izy; ary ankehitriny aoka hovanointsika izy.

14 Nefa hoy Limia taminy: Tsy hamono azy ianareo fa hitondra azy kosa aty mba hahitako azy. Ary ireo dia nitondra azy. Ary hoy i Limia taminy: Inona no antony niakaranao hiady tamin' ny oloko? Indro, tsy nivadika ny

“fianianana izay nataoko tamin’ ny oloko; koa nahoana ianao no nivadika ny fianianana izay nataonao tamin’ ny oloko?

15 Ary ankehitriny dia hoy ny mpanjaka: Nivadi-belirano aho satria nentin’ ny olonao nitsoaka ireo zanakavavin’ ny oloko; koa noho ny hatezerako, dia nasaiko niakatra ny oloko hiady amin’ ny olonao.

16 Ary ankehitriny dia tsy nandre na inona na inona momba izany zavatra izany i Limia; koa hoy izy: Hisava any anivon’ ny oloko aho, ary na zovy na zovy no efa nanao izany zavatra izany dia ho faty izy. Koa nampanao fisavana tany anivon’ ny olony izy.

17 Ankehitriny, nony efa nandre izany zavatra izany i “Gideôna, izay izy no kapitenin’ ny mpanjaka, dia nandroso sy niteny tamin’ ny mpanjaka hoe: Miangavy anao aho ajanony, ary aza mampisava ity vahoaka ity ary aza tanao ho hadisoany izany zavatra izany.

18 Fa tsy tsaroanao va ny mpisoron-drainao, izay notadiavin’ ity vahoaka ity hofongorina? Ary moa va ireny tsy any an-tany foana? Ary moa va tsy ireny no ireo izay nangalatra ny zanakavavin’ ny Lamanita?

19 Ary ankehitriny, indro ary lazao ny mpanjaka ny amin’ izany zavatra izany mba hahazoany milaza amin’ ny olony ka hahazoany mitony amintsika; fa indro efa miomana sahady izy hiakatra hamely antsika; ary in-

dro koa fa tsy misy afa-tsy vitsivitsy isika.

20 Ary indro tonga miaraka amin’ ny miaramilany sesehena izy; ary raha tsy ampitonian’ ny mpanjaka amintsika izy, dia tsy maintsy ho faty isika.

21 Fa moa va tsy “tanteraka ny tenin’ i Abinadia izay naminiany ny momba antsika — ary izao rehetra izao dia noho isika tsy te hihaino ny tenin’ ny Tompo sy tsy mivily hiala amin’ ny helotsika?

22 Ary ankehitriny aoka hoto-nentsika ny mpanjaka ary hotanterahantsika ny fianianana izay efa nataontsika taminy; fa tsaratsara kokoa isika ao amin’ ny fanandevozana toy izay hamoy ny aintsika; koa aoka hasiantsika fitsaharana ny fandasahan-dra be loatra.

23 Ary ankehitriny i Limia dia nilaza tamin’ ny mpanjaka ny zavatra rehetra momba an-drainy sy ny “mpisorona izay efa nandositra tany an-tany foana ary tanany ho nitondra nitsoaka ny zanakavaviny.

24 Ary ny zava-nitranga dia tony tamin’ ny olony ny mpanjaka; ary nanao taminy hoe: Andeha isika hivoaka mba hitsena ny oloko, tsy miaraka amin’ ny fiadiana; ary dia mianiana aminao amin’ ny velirano aho fa tsy hamono ny olonao ny oloko.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka ny mpanjaka izy ary nandroso tsy nisy fiadiana hitsena ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nitsena ny Lamanita

izy; ary ny mpanjakan' ny Lamanita niankohoka teo anoloany sy niteny tamin' ny anaran' ny vahoakan' i Limia.

26 Ary rehefa nahita ny vahoakan' i Limia ny Lamanita, fa izy dia tsy nirongo fiadiana, dia nana "fitserana azy izy ka nitony taminy ary niverina tamim-piadanana tany an-taniny niaraka tamin' ny mpanjakany.

TOKO 21

Nasian' ny Lamanita ny vahoakan' i Limia ary noreseny—Nifanena tamin' i Amôna ny vahoakan' i Limia ary niova fo—Nitantara tamin' i Amôna ny momba ny takelaky ny Jarêdita efatra amby roapolo izy. Tokony ho 122–121 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niverina tao an-tanànan' i Nefia i Limia sy ny olony ary nanomboka nonina tamim-piadanana teo amin' ny tany indray.

2 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro maromaro, dia nanomboka ho voambosy ho tezitra tamin' ny Nefita indray ny Lamanita ary nanomboka niditra ny tany tamin' ny sisintany manodidina izy.

3 Ankehitriny dia tsy sahiny ny namono azy noho ny fianianana izay nataon' ny mpanjakany tamin' i Limia; fa izy kosa dia namely azy teo amin' ny "takolany sy nanampatra fahefana taminy; ary nanomboka nampitondra azy ^benta-mavesatra teo an-damosiny sy nandroaka azy

toy ny hatao amin' ny boriky moana—

4 Eny, izany rehetra izany no tò, dia ny hahatanteraka ny tenin' ny Tompo.

5 Ary ankehitriny ny fahorian' ny Nefita dia lehibe, ary tsy nisy lâlana nahazoany nanafaka ny tenany teo an-tànany, satria efa nohodidin' ny Lamanita tamin' ny lafiny rehetra izy.

6 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nimonomonona tamin' ny mpanjaka ny vahoaka noho ny fahoriany; ary nanomboka nanam-paniriana ny handeha hiady aminy izy. Ary nampahory ny mpanjaka tokoa izy tamin' ny fitarainany; koa navelany izy hanao araka ny sitrapony.

7 Ary niara-nifamory indray izy ary nanao ny akanjo fiarovan-tena ary nivoaka hiady amin' ny Lamanita mba hano-sika azy hiala ny taniny.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy ny Lamanita ary nanosika azy hiverina sy nandringana ny maro taminy.

9 Ary ankehitriny dia nisy "fisaonana sy fidradradradràna lehibe teo anivon' ny vahoakan' i Limia, fa ny mpitondratena nitomany ny vadiny, ny zanakalahy sy ny zanakavavy nitomany ny rainy, ary ny mpirahalaha nitomany ny rahalahiny.

10 Ankehitriny dia nisy mpitondratena maro teo amin' ny tany, ary ireo dia nahery niantsoantso tokoa isan' andro isan' andro fa efa tonga taminy

ny fahatahorana fatratra ny Lamanita.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nambohy ny sisa tavela tamin' ny vahoakan' i Limia ho tezitra tamin' ny Lamanita ny antsoan-tsony lavareny; ary nandeha niady indray izy nefa resy tosika indray sady niaritra famoizana be.

12 Eny, nandeha niady fanintelon' indray izy, ary dia niaritra ny toy izany ihany; ary ireo izay tsy voavono dia niverina indray tao an-tanànan' i Nefia.

13 Ary nanetry ny tenany izy na dia hatrany amin' ny vovoka aza, ka nifehy ny tenany tamin' ny ziogan' ny fanandevozana, nampanaiky ny tenany hokapohina sy havezivezy etsy sy eroa ary hovesarana araka ny sitrapon' ny fahavalony.

14 Ary "nanetry ny tenany hatrany amin' ny fanentretena lalina izy; ary nahery nitalaho tokoa tamin' Andriamanitra izy; eny, nandritra ny manontolo andro izy no nitalaho tamin' Andriamaniny mba hanafahany azy hiala amin' ny fahoriany.

15 Ary ankehitriny ny Tompo dia "nitaredretra tamin' ny fihainoana ny fitalahoany noho ny helony; na dia teo aza izany, dia nihaino ny fitalahoany ny Tompo, ary nanomboka nanalefaka ny fon' ny Lamanita, hany ka dia nanomboka nohamaivany ny entany; saingy tsy hitan' ny Tompo ny mahamety ny

hanafahana azy hiala amin' ny fanandevozana.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo niandalana izy teo amin' ny tany, ary rafitra izy nikolokolo voamaina sesehena tokoa sy biby fiompy, mba tsy hiaretany hanoanana intsony.

17 Ankehitriny dia nisy betsaka ny isan' ny vehivavy, betsaka kokoa noho ny lehilahy; noho izany i Limia mpanjaka dia nandidy ny lehilahy tsirairay "hanomezany ho fanampiana ny ^bmpitondratena sy ny zanany mba tsy hahatonga azy ho fatin' ny hanoanana; ary izany no nataony dia noho ny hamaroan' ny isan' ireo izay efa voavono.

18 Ankehitriny, ny vahoakan' i Limia dia niray hina toy ny tena iray araka izay tratra, sady niaro mafy ny voamainany sy ny biby fiompiny;

19 Ary na dia ny mpanjaka aza dia tsy natoky tena tany ivelan' ny mandan' ny tanàna, raha tsy nitondra niaraka tamin' ny mpiambina azy, noho ny fahatahorany ny mety hianjerany eo an-tanàn' ny Lamanita na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana.

20 Ary nataony izay hiambenan' ny olony ny tany manodidina mba hahazoany misambotra na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana ireo mpisorona izay nandositra tany an-tany foana, izay efa nangalatra ny "zanakavavin' ny Lamanita ary

14a Môsià 29:20.
TSM Fanetren-tena.
15a Ohab. 15:29;

Môsià 11:23-25;
F&F 101:7-9.
17a Môsià 4:16, 26.

^b TSM Mpitondratena.
20a Môsià 20:5.

efa nahatonga izao faharavana lehibe izao hianjady taminy.

21 Fa nanam-paniriana izy ny hisambotra azy mba hahazoany manafay azy; fa ireo dia niditra ny tanin' i Nefia nony alina ary naka ny voamainany sy ny maro tamin' ny zava-tsarobidiny; noho izany izy dia namela otrika ho azy.

22 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy intsony fanelingelena teo amin' ny Lamanita sy ny vahoakan' i Limia ambara-pahatongan' ny fotoana izay niavian' i Amôna sy ny rahalahiny teo amin' ny tany.

23 Ary raha tany ivelan' ny vavahadin' ny tanàna niaraka tamin' ny mpiambina azy ny mpanjaka, dia nahita an' i Amôna sy ny rahalahiny; ary noho izy noheveriny ho ny mpisoron' i Noà dia nasainy nosamborina sy nafatotra ary naiditra "amponja. Ary raha toa izy mpisoron' i Noà dia ho efa nataony izay hamonoana azy ho faty.

24 Nefa nony hitany fa tsy izany izy fa rahalahiny kosa ary efa tonga avy tany an-tanin' i Zarahemlà, dia heniky ny fifaliana lehibe fatratra tokoa izy.

25 Ankehitriny, i Limia mpanjaka dia efa nandefa, talohan' ny fiavian' i Amôna, lehilahy "vitsivitsy ^bhitady ny tanin' i Zarahemlà; nefa tsy nety nahita izany izy ireo ary very tany an-tany foana.

26 Kanefa izy ireo dia nahita tany iray izay efa nonenana;

eny, tany iray izay rakotra "taola-maina; eny, tany iray izay efa nonenana sy efa noravana; ary izy ireo, rehefa nihevitra izany ho ny tanin' i Zarahemlà, dia niverina tany an-tanin' i Nefia ary efa tafiditra ny faritry ny sisin-tany andro vitsivitsy talohan' ny fiavian' i Amôna.

27 Ary nentiny niaraka tamin' ny rakitsoratra iray, dia ny rakitsoratra ny vahoaka izay efa hitany ny taola-mainany; ary izany dia voasokitra tamin' ny takelaka metaly.

28 Ary ankehitriny dia feno hafaliana indray i Limia rehefa nandre avy teo am-bavan' i Amôna fa i Môsià mpanjaka dia nahazo "talenta avy tamin' Andriamanitra, izay hahafahany mandika ny soratra voasokitra toy izany; eny, ary nifaly koa i Amôna.

29 Kanefa i Amôna sy ny rahalahiny dia feno alahelo, satria maro loatra ny rahalahiny efa voavono;

30 Ary i Noà mpanjaka sy ny mpisorony koa dia efa nanao izay hahavitan' ny vahoaka fahotana sy heloka maro loatra tamin' Andriamanitra; ary nitomany koa ny "fahafatesan' i Abinadia izy; ary koa ny ^bfandehanan' i Almà sy ny vahoaka izay nandeha niaraka taminy, izay efa niorina ho fiangonan' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny hery sy fahefan' Andriamanitra ary ny finoana ny teny izay efa nolazain' i Abinadia.

22a Môsià 7:6–13.

23a Hel. 5:21.

25a Môsià 8:7.

b Môsià 7:14.

26a Môsià 8:8.

28a Ômnia 1:20–22;

Môsià 28:11–16.

30a Môsià 17:12–20.

b Môsià 18:34–35.

31 Eny, nitomany ny fandeha-nany izy, satria tsy nahalala ny làlana izay nandosirany izy. Ankehitriny dia ho nahafaly azy tokoa ny nikambana taminy, satria ny tenany mihitsy dia efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny.

32 Ary ankehitriny, hatramin' ny fiavian' i Amôna, dia efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra koa i Limia mpanjaka ary koa ny maro tamin' ny olony fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny.

33 Ary ny zava-nitranga dia naniry ny hatao batisa i Limia mpanjaka sy ny ankamaroan' ny olony; saingy tsy nisy teo amin' ny tany izay nanana ny "fahefana avy tamin' Andriamanitra. Ary nandà ny hanao izany zavatra izany i Amôna noho ny fiheveran' ny tenany ho mpanompo tsy mendrika.

34 Koa tamin' izay fotoana izay dia tsy niorina ho fiangonana izy fa niandry kosa ny Fanahin' ny Tompo. Ankehitriny dia naniry izy ny ho tonga tahaka an' i Almà sy ny rahalahiny, izay efa nandositra nankany antany foana.

35 Naniry izy ny hatao batisa mba ho vavolombelona sy ho fanambarana fa izy dia vonona ny hanompo an' Andriamanitra amin' ny fony manontolo; na dia izany aza dia nanemotra ny fotoana izy; ary "homena aoriana ny fitantarana ny batisany.

36 Ary ankehitriny, ny sain' i

Amôna manontolo sy ny olony ary ny an' i Limia mpanjaka sy ny vahoakany dia ao amin' ny fanafahana ny tenany hiala eo an-tànan' ny Lamanita sy amin' ny fanandevozana.

TOKO 22

Nanao tetika ny vahoaka mba handosirana ny fanandevozan' ny Lamanita — Natao ny hahamamo ny Lamanita — Nandositra ny vahoaka, niverina tany Zarahemlà ary nanjary olom-pehezin' i Môsià Mpanjaka. Tokony ho 121–120 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niara-nifandinika tamin' ny vahoaka ny amin' ny fomba hanafahany ny tenany hiala amin' ny fanandevozana i Amôna sy i Limia mpanjaka; ary na dia ny vahoaka manontolo aza dia nasainy niara-nifamory; ary izany no nataony dia ny hahazoany ny feon' ny vahoaka momba ity toe-javatra ity.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy hitany ny fomba hanafahany ny tenany hiala amin' ny fanandevozana afa-tsy ny mitondra ny vadiny aman-janany sy ny biby fiompiny ary ny lainy sy ny miainga mankany antany foana; fa maro loatra ny Lamanita ka tsy ho vitan' ny vahoakan' i Limia ny hiady aminy, raha noheveriny fa amin' ny alalan' ny sabatra no hanafahana ny tenany hiala amin' ny fanandevozana.

3 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandroso i Gideôna ary nijoro teo anoloan' ny mpanjaka sy nanao taminy hoe: Ankehitriny, ry mpanjaka ô, efa nihaino imbetsaka ny teniko ianao hatramin' izao, fony isika niady tamin' ny Lamanita rahalahintsika.

4 Ary ankehitriny ry mpanjaka ô, raha tsy hitanao ny mahanompo tsy mahaso ahy na raha mba nihaino ihany ny teniko ianao hatramin' izao, ary efa nahaso anao ireny, dia maniry aho ny mba hihainoanao ny teniko amin' izao fotoana izao, ary izaho dia ho mpanomponao ary hanafaka ity vahoaka ity hiala amin' ny fanandevozana.

5 Ary ny mpanjaka namela azy mba hahazoany miteny. Ary hoy i Gideôna taminy:

6 Jereo ilay hadilalana ivoho mamakivaky ny manda ivoho any an-damosin' ny tanàna. Ny Lamanita na ny mpiambin' ny Lamanita dia mamo amin' ny alina; koa aoka alefantsika any anivon' ity vahoaka manontolo ity ny filazana hamoriany miaraka ny biby fiompiny mba hahazoany mitondra azy mankany an-tany foana amin' ny alina.

7 Ary handeha aho araka ny didinao ary handoa amin' ny Lamanita ny hetra farany amin' ny divay, ary dia ho mamo izy; ary handeha manaraka ilay làla-takona ao ankavian' ny tobiny isika rehefa mamo sy resin-tory izy.

8 Dia toy izany no hiaingan-tsika miaraka amin' ny vady

aman-janatsika, ny biby fiompintsika mankany an-tany foana; ary handeha hiodidina ny tanin' i Silôma isika.

9 Ary ny zava-nitranga dia nihaino ny tenin' i Gideôna ny mpanjaka.

10 Ary dia nasain' i Limia mpanjaka nanangona ny biby fiompiny ny olony; ary nandefa ny hetra tamin' ny divay ho an' ny Lamanita izy; ary nandefa divay misimisy kokoa ho toy ny fanomezana ho azy; ary dia nanara-po tamin' ny fisotroana ny divay izay nalefan' i Limia mpanjaka ho azy izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia niainga nankany an-tany foana ny vahoakan' i Limia nony alina, niaraka tamin' ny biby fiompiny, ary nandeha nihodidina ny tanin' i Silôma tany an-tany foana izy, ary dia nivily ny diany nankany an-tanin' i Zarahemlà rehefa notarihan' i Amôna sy ny rahalahiny.

12 Ary efa nalainy niaraka taminy nankany an-tany foana avokoa ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny izay azony nentina ary koa ny vatsiny; ary dia nanohy ny diany izy.

13 Ary rehefa tany an-tany foana andro maromaro izy, dia tonga tao an-tanin' i Zarahemlà ary nikambana tamin' ny vahoakan' i Môsià ary nanjary olom-peheziny.

14 Ary ny zava-nitranga dia noraisin' i Môsià tamim-pifaliana izy; ary izy koa nandray ny "rakitsorany ary koa ny ^brakitso-

ratra izay efa hitan' ny vahoakan' i Limia.

15 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, nony efa nahita ny Lamanita fa efa niainga nandao ny tany nandritra ny alina ny vahoakan' i Limia, dia nandefa ny miaramilany izy hankany an-tany foana hanenjika azy;

16 Ary rehefa avy nanenjika azy roa andro izy, dia tsy afaka nanaraka ny diany intsony; noho izany izy dia very tany an-tany foana.

Ny tantaran' i Almà sy ny vahoakan' ny Tompo izay noroahan' ny vahoakan' i Noà Mpanjaka tany an-tany foana.

Mahafaoka ny toko 23 sy 24.

TOKO 23

Nandà tsy ho mpanjaka i Almà — Nanompo izy araka ny maha-mpisorona avo azy — Nanafay ny olony ny Tompo, ary lasan' ny Lamanita ny tanin' i Helama — Amiolôna mpitonondra ny mpisorona mamohetatr' i Noà Mpanjaka, dia nanapaka amin' ny maha-tompomenakelin' ny mpanjaka Lamanita azy. Tokony ho 145–121 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY i Almà, rehefa nampahalalain' ny Tompo mialoha fa hosovohan' ny miaramilan' i Noà mpanjaka izy, ary rehefa nampahafantariny ny olony izany, dia namory miaraka ny biby fiompiny sy naka tamin' ny voamainany ary niainga nan-

kany an-tany foana talohan' ny miaramilan' i Noà mpanjaka.

2 Ary ny Tompo dia nampahatanjaka azy, hany ka tsy azon' ny olon' i Noà mpanjaka notratrarina izy mba hamongorana azy.

3 Ary nandositra izy ary nandeha havalooana tany an-tany foana.

4 Ary tonga teo amin' ny tany iray izy, eny, dia tany tena tsara sy mahafinaritra, tanin' ny rano madio.

5 Ary nanangana ny lainy izy ary rafitra niasa ny tany sy namboka nanorina trano; eny, nahery miasa izy ary nifofotra izaitsizy tokoa.

6 Ary ny olona dia naniry an' i Almà mba ho mpanjakany, fa nolalain' ny olony izy.

7 Nefa hoy izy taminy: Indro, tsy ilaina ny hananantsika mpanjaka; fa izao no lazain' ny Tompo: Ianareo "tsy hihevitra ny nofo iray ho ambony noho ny iray hafa, na ny olona iray dia tsy hihevitra ny tenany ho ambony noho ny iray hafa; noho izany dia milaza aminareo aho fa tsy ilaina ny hanananareo mpanjaka.

8 Kanefa raha mety mitranga ny hanananareo mandrakariva olo-marina ho mpanjakanareo, dia soa ho anareo ny hanananareo mpanjaka.

9 Nefa tsarovy ny "helok' i Noà mpanjaka sy ny mpisorony; ary na dia ny tenako aza dia efa ^bvoan' ny fandrika sy nanao zavatra maro izay

fahavetavetana teo imason' ny Tompo, izay nahatonga ahy hibe-baka mafy;

10 Kanefa, taorian' ny "fijaliana be, dia nandre ny fitalahoako ny Tompo ary namaly ny fivavako sy efa nanao ahy ho fitaovana teo an-tànany tamin' ny fitondrana ny ^bmaro taminareo ho amin' ny fahalalana ny fahamarinany.

11 Kanefa tsy mirehareha amin' izany aho, satria tsy mendrika ny hirehareha ny amin' ny tenako aho.

12 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, efa nampahorian' i Noà mpanjaka ianareo ary efa navarina ho andevo ho azy sy ho an' ny mpisorony sy efa notaomin' ireo ho any amin' ny heloka; koa efa novejain' ny "famatoran' ny heloka ianareo.

13 Ary ankehitriny, satria efa navotan' ny herin' Andriamanitra ianareo ho afaka tamin' ireny famatorana ireny; eny, ho afaka na dia teo an-tanan' i Noà mpanjaka sy ny olony aza ary koa ho afaka tamin' ny famatoran' ny heloka, dia maniry aho ny "hiorenanareo mafy ao amin' ity ^bfahafahana izay efa nanafahana anareo ity sy ny tsy hitokianareo ^dolona ho mpanjaka eo aminareo.

14 Ary koa, aza matoky olona ho "mpampianatra na ho mpiahy anareo raha tsy olon' Andriamanitra izy ka mandeha

amin' ny lalany sy mitandrana ny didiny.

15 Dia toy izany no nampianarin' i Almà ny olony mba "hitiavan' ny olona tsirairay ny namany toy ny tenany ka tsy hisian' ny ^bfifandirana eo anivony.

16 Ary ankehitriny dia i Almà no "mpisorona avo teo aminy, noho izy mpanorina ny fiangonany.

17 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy nandray "fahefana hitory na hampianatra raha tsy tamin' ny alalany izay avy tamin' Andriamanitra. Koa izy no nanokana ny mpisorony rehetra sy ny mpampianany rehetra; ary tsy nisy notokanany afa-tsy izay olo-marina.

18 Koa ireo dia niahy ny olony sy "namahana azy tamin' ny zavatra mikasika ny fahitsiana.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo izaitsizy teo amin' ny taniny izy; ary nantsoiny hoe Helama ny tany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nihamaro sy nambinina izaitsizy tokoa izy teo amin' ny tanin' i Helama; ary nanorina tanàna iray izy, izay nantsoina hoe ny tanànan' i Helama.

21 Kanefa ny Tompo dia mahita fa mety ny "hamaizana ny olony; eny, mizaha-toetra ny ^bfaharetany sy ny finoany Izy.

22 Kanefa—na zovy na zovy no mametraka ny "fitokiany Aminy, dia izy no ^bhasandratra

10a F&F 58:4.

^b Môsià 18:35.

12a 2 Ne. 28:19–22.

13a Gal. 5:1.

^b TSM Fahalalahana.

^d Môsià 29:13.

14a Môsià 18:18–22.

15a TSM Fitiavana.

^b 3 Ne. 11:28–29.

16a Môsià 26:7.

17a TSM Fahefana;
Fisoronana.

18a 1 Tim. 4:6.

21a Hel. 12:3; F&F 98:21.

TSM Famaizana.

^b TSM Faharetana.

22a TSM Matoky.

^b 1 Ne. 13:37.

amin' ny andro farany. Eny, dia toy izany no nitranga tamin' ity vahoaka ity.

23 Fa indro, hasehoko anareo fa efa navarina tany amin' ny fanandevozana izy, ary tsy nisy nahafaka azy afa-tsy ny Tompo Andriamaniny, eny, dia Ilay Andriamanitr' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba.

24 Ary ny zava-nitranga dia Izy no nanafaka azy sy naneho taminy ny heriny lehibe, ka dia lehibe ny fifaliany.

25 Fa indro ny zava-nitranga, raha mbola tao amin' ny tanin' i Helama izy, eny, tao an-tanànan' i Helama, raha mbola teo ampiasana ny tany manodidina, dia indro mbÿ tao amin' ny fari-try ny sisin-tany ny miaramilan' ny Lamanita.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nitsoaka nandao ny tanimboliny ny rahalahin' i Almà ary niara-nifamory tao an-tanànan' i Helama; ary dia raiki-tahotra be izy ireo noho ny fisehoan' ny Lamanita.

27 Nefa nandroso i Almà ary nijoro teo anivony sy nandrisika azy ireo tsy hatahotra fa hahatsiaro kosa ny Tompo Andriamaniny, ary ho afahany izy ireo.

28 Noho izany izy ireo dia nampangina ny tahony ary rafitra nitalaho tamin' ny Tompo mba hanalefahany ny fon' ny Lamanita mba hitsimbinany azy ireo sy ny vadiny aman-janany.

29 Ary ny zava-nitranga dia nanalefaka ny fon' ny Lamanita ny Tompo. Ary nivoaka i Almà

sy ny rahalahiny ka nitolo-batana teo an-tanany; ary nandray ny fizakana ny tanin' i Helama ny Lamanita.

30 Ankehitriny ny miaramilan' ny Lamanita, izay efa nanenjika ny vahoakan' i Limia mpanjaka, dia efa very tany an-tany foana nandritra ny andro maromaro.

31 Ary indro efa hitany ireo mpisoron' i Noà mpanjaka ireo teo amin' ny toerana izay nantsoiny hoe Amiolôna; ary efa nanomboka nizaka ny tanin' i Amiolôna sy efa nanomboka niasa ny tany izy ireo.

32 Ankehitriny ny anaran' ny mpitondra ireo mpisorona ireo dia i Amiolôna.

33 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin' ny Lamanita i Amiolôna; ary nasainy nandroso koa ny vadiny izay “zanakava- vin' ny Lamanita mba hiangavy ny anadahiny tsy hamongorany ny vadiny.

34 Ary nanana “fitserana an' i Amiolôna sy ny rahalahiny ny Lamanita noho ny vadiny, ary tsy namongotra azy.

35 Ary i Amiolôna sy ny rahalahiny dia nitambatra tamin' ny Lamanita, ary nandeha tany an-tany foana ireo teo am-pitadiavana ny tanin' i Nefia raha nahita ny tanin' i Helama, izay efa nozakain' i Almà sy ny rahalahiny.

36 Ary ny zava-nitranga dia nampanantena an' i Almà sy ny rahalahiny ny Lamanita fa raha toa izy mety manoro azy ny làlana izay mitondra mankany

an-tanin' i Nefia, dia havelany aminy ny ainy sy ny fahafahany.

37 Nefa nony natoron' i Almà azy ny lalana izay mitondra mankany an-tanin' i Nefia, dia tsy nety nitana ny fampanantenany ny Lamanita; fa nasiany "mpiambina kosa manodidina ny tanin' i Helama, hiandry an' i Almà sy ny rahalahiny.

38 Ary ny sisa tavela taminy dia nandeha nankany an-tanin' i Nefia; ary ny ampahany taminy kosa niverina tany an-tanin' i Helama, ary koa nitondra niaraka taminy ny vady aman-janaky ny mpiambina izay efa navela hiandry ny tany.

39 Ary ny mpanjakan' ny Lamanita dia efa namela an' i Amiolôna ho mpanjaka sy ho mpanapaka amin' ny olony, izay nonina teo an-tanin' i Helama; kanefa tsy hanam-pahefana izy hanao na inona na inona mifanohitra amin' ny sitrapon' ny mpanjakan' ny Lamanita.

TOKO 24

Nanenjika an' i Almà sy ny olony i Amiolôna—Novonoina ho faty izy raha mivavaka—Nanao izay hanamaivanana ny enta-mavesany ny Tompo—Nanafaka azy tamin' ny fanandevozana Izy, ary niverina tany Zarahemlà izy. Tokony ho 145–120 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nahita sitraka teo imason' ny mpanjakan' ny Lamanita i Amiolôna;

noho izany ny mpanjakan' ny Lamanita dia nanaiky ny harendrena azy sy ny rahalahiny ho mpampianatra teo amin' ny vahoakany, eny, dia teo amin' ny vahoaka izay tao an-tanin' i Semlôna sy tao amin' ny tanin' i Silôma ary tao amin' ny tanin' i Amiolôna.

2 Satria efa nandray ny fizakana ireo tany rehetra ireo ny Lamanita; noho izany, ny mpanjakan' ny Lamanita dia efa nanendry mpanjaka teo amin' ireo tany rehetra ireo.

3 Ary ankehitriny ny anaran' ny mpanjakan' ny Lamanita dia i Lamàna noho izy nantsoina araka ny anaran-drainy; noho izany izy dia nantsoina hoe i Lamàna, mpanjaka. Ary mpanjakan' ny vahoaka maro izy.

4 Ary notendreny tamin' ny rahalahin' i Amiolôna ny mpampianatra ho an' ny tany tsirairay izay nozakain' ny vahoakany; ary dia toy izany no nanombohana nampianarana ny fitenin' i Nefia tany anivon' ny vahoaka Lamanita rehetra.

5 Ary izy samy vahoaka dia nifampisakaiza tokoa; na dia teo aza izany dia tsy nahalala an' Andriamanitra izy; sady tsy nampianarin' ny rahalahin' i Amiolôna azy koa na inona na inona momba ny Tompo Andriamaniny, na ny momba ny lalàn' i Mosesy; no tsy nampianariny azy koa ny tenin' i Abinadia;

6 Fa nampianariny azy kosa ny tokony hitanany ny rakitsorany

ary mba hahazoan' izy samy izy mifanoratra.

7 Ary dia toy izany no nanombohan' ny Lamanita nitombo harena sy nanombohany nifampivarotra sy nihalehibe ary nanombohany ho lasa vahoaka fetsy sy hendry, raha ny amin' ny fahendren' izao tontolo izao, eny, vahoaka tena fetsy, finaritra tamin' ny karazana faharatsiana rehetra sy ny famaboana fanana afa-tsy ny teo anivon' ny rahalahiny ihany.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nanomboka nampihatra "fahefana tamin' i Almà sy ny rahalahiny i Amiolôna ary nanomboka nanenjika azy, ary nataony izay hanenjehin' ny zanany ny zanak' izy ireo.

9 Satria nahafantatra an' i Almà i Amiolôna, fa "anankiray tamin' ny mpisoron' ny mpanjaka izy, ary izy ilay nino ny tenin' i Abinadia ka efa noroahina hiala teo anoloan' ny mpanjaka, ary noho izany izy dia nisafaoka taminy; satria olom-pehezin' i Lamàna mpanjaka izy, kanefa izy dia nanampatra fahefana taminy sy nampanao azy ^basa an-tery vozona ary nanome azy mpampiasa.

10 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny fahoriany ka nanomboka ho nahery nitalaho mafy tokoa tamin' Andriamanitra izy.

11 Ary nandidy azy i Amiolôna hampitsahatra ny fitalahoany; ary nametrahany mpiambina teo

amin' hiandry azy, ka na zovy na zovy no ho hita miantso an' Andriamanitra dia hovanoina ho faty.

12 Ary i Almà sy ny olony dia tsy nanandratra ny feony tamin' ny Tompo Andriamaniny fa "namboraka ny tao am-pony taminy, ary Izy dia nahalala ny fihevitra ny fony.

13 Ary ny zava-nitranga dia tonga taminy tao amin' ny fahoriany ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Atrakao ny lohana-reo ary manàna fahatokiana, satria fantatro ny fanekempihavanana izay efa nataonareo Tamiko; ary Izaho hanao fanekempihavanana amin' ny oloko sy hanafaka azy hiala amin' ny famatorana.

14 Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin' ny famatorana aza ianareo; ary izany no hataoko dia ny mba hahazoanareo mijoro ho "vavolombelona ny Amiko rahatrizay sy mba hahazoanareo mahalala marina tokoa fa Izaho, Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny oloko ao amin' ny ^bfahoriany.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an' i Almà sy ny rahalahiny; eny, "nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny ^benta-mavesany, ary izy dia nanaiky

24 8a F&F 121:39.

9a Môsià 17:1-4; 23:9.

b Môsià 21:3-6.

12a TSM Vavaka.

14a TSM Vavolombelona.

b TSM Fahoriana.

15a Mat. 11:28-30.

b Almà 31:38; 33:23.

tamim-pifaliana sy tamim-^dpaharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra.

16 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny finoany sy ny faharetany ka tonga taminy indray ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Manàna fahatokiana fa rahampitso Aho dia hanafaka anreo hiala amin' ny famatorana.

17 Ary hoy Izy tamin' i Almà: Ianao no handeha eo alohan' ity vahoaka, ary Izaho dia handeha hiaraka aminao ka hanafaka ity vahoaka ity hiala amin' ny "famatorana.

18 Ankehitriny ny zava-nitranga nony alina dia nanangona ny biby fiompiny ary koa ny ampahan' ny voamainany i Almà sy ny olony; eny, nandritra ny alina manontolo no nanangonany miaraka ny biby fiompiny.

19 Ary nony maraina dia nahatonga "torimaso lalina tamin' ny Lamanita ny Tompo, eny, renoky ny torimaso lalina avokoa ny mpampiasa azy.

20 Ary dia niainga nankany an-tany foana i Almà sy ny olony; ary nony efa nandeha nandritra ny manontolo andro izy, dia nanangana ny lainy teo an-dohasaha iray, ary nantsoiny hoe Almà ny lohasaha, satria izy no nitarika ny diany tany an-tany foana.

21 Eny, ary tao andohasahan' i Almà izy no namboraka ny "fisaorany an' Andriamanitra noho Izy efa feno famindram-po taminy ary nanamaivana ny enta-mavesany sy nanafaka azy hiala tamin' ny famatorana;

satria tao amin' ny famatorana izy, ary tsy ho nisy nahafaka azy tamin' izany afa-tsy ny Tompo Andriamaniny.

22 Ary nanolotra fisaorana an' Andriamanitra izy, eny, ny lehilahiny rehetra, sy ny vehivaviny rehetra ary ny zanany rehetra izay nahay miteny dia nanandra-peo ho fankalazana ny Andriamaniny.

23 Ary ankehitriny dia hoy ny Tompo tamin' i Almà: Faingàna ianao ary mialà eo amin' ity toerana ity ianao sy ity vahoaka ity fa efa nifoha ny Lamanita sy manenjika anao; koa mialà ianao eo amin' ity toerana ity ary Izaho hampijanona ny Lamanita eto amin' ity lohasaha ity mba tsy handehanany lavidavitra kokoa amin' ny fanenjehana ity vahoaka ity.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanainga izy niala ny lohasaha ary nanohy ny diany nankany an-tany foana.

25 Ary rehefa avy nandeha roa ambin' ny folo andro tany an-tany foana izy, dia tonga tao an-tanin' i Zarahemlà; ary i Môsià mpanjaka dia nandray azy koa tamim-pifaliana.

TOKO 25

Nanjary Nefita ny tamingan' i Mioleka tao Zarahemlà—Nianatra ny momba ny olon' i Almà sy ny an' i Zenifa izy—Nanao batisa an' i Limia sy ny olony rehetra i Almà—Nanome lalana an' i Almà

15d F&F 54:10.
TSM Faharetana.

17a TSM Fahababoana.
19a 1 Sam. 26:12.

21a TSM Misaotra.

i Môsià hanangana ny fiangonan' Andriamanitra. Tokony ho 120 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny dia nasain' i Môsià mpanjaka nivory miaraka avokoa ny vahoaka.

2 Ankehitriny, ny zanak' i Nefia na ny ankamaroan' ireo izay tamingan' i Nefia dia tsy nisy firy tahaka ny "mponin' i Zarahemla izay tamingan' i ^bMioleka sy ireo izay niara-tonga taminy tany an-tany foana.

3 Ary tsy dia nisy firy loatra toy ny Lamanita ny vahoakan' i Nefia sy ny vahoakan' i Zarahemlà; eny, tsy nisy antsasany ny hamaroany.

4 Ary ankehitriny dia niara-tafavory avokoa ny vahoakan' i Nefia, ary koa ny vahoakan' i Zarahemlà rehetra, ary navondrona ho toko roa izy ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia namaky sy nampamaky ny rakitsoratr' i Zenifa tamin' ny olony i Môsià; eny, novakiany ny rakitsoratra ny vahoakan' i Zenifa hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka ambara-piveriny indray.

6 Ary novakiany koa ny tantaran' i Almà sy ny rahalahiny ary ny fahoriany rehetra hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka hatramin' ny fotoana niverenany indray.

7 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny famakiana ny rakitsoratra i Môsià, ny olony

izay nijanona tao an-tanàna dia nozoin' ny hagagana sy ny fitalanjonana.

8 Satria tsy fantany izay tokony hoeritreretina; fa nony hitany ireo izay efa "nafahana tamin' ny famatorana, dia feno fifaliana fatratra tokoa izy.

9 Ary koa, nony nieritreritra ny rahalahiny izay efa novonoin' ny Lamanita izy, dia feno alahelo ary nandrotsaka ranomason' alahelo maro mihitsy.

10 Ary koa, nony nieritreritra ny hatsaram-pon' Andriamanitra mivantana izy sy ny heriny tamin' ny nanafahany an' i Almà sy ny rahalahiny teo antanan' ny Lamanita sy tamin' ny famatorana, dia nanandratra ny feony izy sy nanolotra fisaorana an' Andriamanitra.

11 Ary koa, nony nieritreritra ny momba ny Lamanita izay rahalahiny izy, ny amin' ny toetrany feno fahotana sy loto, dia heniky ny "fanaintainana sy ny fitaintainana izy ho an' ny fiadanana' ny ^bfanahiny.

12 Ary ny zava-nitranga dia ireo izay zanak' Amiolôna ireo sy ny rahalahiny izay efa naka ny zanakavavin' ny Lamanita ho vadiny, dia sosotra tamin' ny fitondran-tenan' ny rainy ary tsy nety nantsoina intsony tamin' ny anaran-drainy, noho izany izy dia nitondra kosa teo aminy ny anaran' i Nefia mba hahazoana miantso azy hoe ny zanak' i Nefia sy hanisana azy

25 2a Ômnia 1:13–19.
b Hel. 6:10.
TSM Mioleka.
8a Môsià 22:11–13.

11a Môsià 28:3–4;
Almà 13:27.
b TSM Fanahy
(Fitambaran'ny

Vatana sy ny
Fanahy)—
Hasarobidin' ny
olona.

eo anivon' ireo izay nantsoina hoe Nefita.

13 Ary ankehitriny ny vahoakan' i Zarahemlà rehetra dia "nisaina niaraka tamin' ny Nefita, ary izany dia satria ny fanjakana dia tsy natolotra na iza na iza afa-tsy ireo izay tamingan' i Nefia.

14 Ary ankehitriny ny zavanimitranga rehefa avy namarana ny fitenenana sy ny famakianteny tamin' ny vahoaka i Môsià, dia niriany ny mba hitenenan' i Almà amin' ny vahoaka.

15 Ary i Almà dia niteny tamin' ny nony efa vory lanona tamina vondrona lehibe ireo, ary nitety ny vondrona tsirairay avy izy, ka nitory tamin' ny olona ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo.

16 Ary notaominy ny vahoakan' i Limia sy ny rahalahiny, ireo rehetra izay efa nafahana tamin' ny famatorana mba hahatsiarovany fa ny Tompo no nanafaka azy ireo.

17 Ary ny zavanimitranga, rehefa avy nampianatra ny olona zavatra maro i Almà ary efa namarana ny fitenenana taminy, dia naniry i Limia mpanjakany mba ho azo atao batisa; ary ny olony rehetra dia naniry mba ho azo atao batisa ihany koa.

18 Noho izany, i Almà dia niroso nankao anaty rano ary nanao "batisa azy; eny, izy dia nanao batisa azy araka ny fomba nataony tamin' ny rahalahiny tany amin' ny ^branon' i Môrmôna; eny, ary izay rehetra nataony batisa

dia isan' ny fiangonan' Andriamanitra; ary izany dia noho ny finoany ny tenin' i Almà.

19 Ary ny zava-nitranga dia notovin' i Môsià mpanjaka tamin' i Almà ny hahazoany manangana fiangonana eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo; ary nomeny azy ny "fahefana hanendry mpisorona sy mpampianatra ao amin' ny fiangonana tsirairay avy.

20 Ankehitriny, izany no natao dia satria nisy maro loatra ny olona ka tsy hita hofeheziny ny mpampianatra iray izy rehetra; sady tsy afaka mandre ny tenin' Andriamanitra ao amin' ny fivoriana iray izy rehetra;

21 Noho izany izy dia niaranivory tamin' ny vondrona samihafa izay nantsoina hoe fiangonana; ny fiangonana tsirairay avy dia nanana ny mpisorony sy ny mpampianatra azy, ary ny mpisorona tsirairay dia nitory ny teny araka izay nolazain' ny vavan' i Almà taminy.

22 Ary dia toy izany, na dia teo aza ny fisian' ny fiangonana maro, no maha-"fiangonana iray ihany azy rehetra, eny, dia ny fiangonan' Andriamanitra; fa tsy nisy na inona na inona notoriana tany amin' ny fiangonana rehetra afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana an' Andriamanitra.

23 Ary ankehitriny dia nisy fiangonana fito teo amin' ny tanin' i Zarahemlà. Ary ny zavanimitranga dia na zovy na zovy no naniry ny hitondra eo aminy

ny “anaran’ i Kristy, na ny an’ Andriamanitra, dia nikambana tamin’ ny fiangonan’ Andriamanitra izy;

24 Ary ireo no nantsoina hoe ny “vahoakan’ Andriamanitra. Ary nampidina ny Fanahiny tamin’ ny Tompo, ary notahiana sy niroborobo tamin’ ny tany izy.

TOKO 26

Notarihin’ ny tsy mpino ho any amin’ ny fahotana ny mpikambana maro tao amin’ ny fiangonana — Nampanantenaina an’ i Almà ny fiainana mandrakizay — Ireo izay nibebaka sy natao batisa no nahazo famelana — Ny mpikamban’ ny fiangonana tao amin’ ny ota, ka nibebaka sy niaiky ny helony tamin’ i Almà sy ny Tompo, dia ho voavela; raha tsy izany, dia tsy ho raisina ho isan’ ny vahoakan’ ny Fiangonana izy. Tokony ho 120–100 talohan’ i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia nisy maro tamin’ ny taranaka vao misondrotra, izay tsy nety nahatakatra ny tenin’ i Benjamîna mpanjaka noho izy mbola ankizy madinika tamin’ ny fotoana nitenenany tamin’ ny olony; ary tsy nino ny fomban-drazany izy.

2 Tsy nino izay efa nolazaina momba ny fitsanganan’ ny nodimandry amin’ ny maty izy ary tsy nino koa ny momba ny fiavian’ i Kristy.

3 Ary ankehitriny noho ny tsy finoany dia tsy nety “nahatakatra ny tenin’ Andriamanitra izy; ary nohamafisina ny fony.

4 Ary tsy nety natao batisa izy; sady tsy nety nikambana tamin’ ny fiangonana. Ary olona niavaka izy raha ny finoany sady nijanona ho toy izany hatrany, dia tao amin’ ny toetry ny maha-“olon’ ny nofo sy mpanota; fa tsy nety niantso ny Tompo Andriamaniny izy.

5 Ary ankehitriny, nandritra ny fitondran’ i Môsià dia tsy nisy an-tsasaky ny vahoakan’ Andriamanitra ny hamaroany; nefa noho ny “tsy fifanarahana teo amin’ ireo rahalahy dia nanjary nihamaro kokoa izy.

6 Fa ny zava-nitranga dia nofitahiny tamin’ ny teny manasohaso ny maro izay tao anatin’ ny fiangonana ary nataony izay hahavitany fahotana maro; noho izany dia nilaina ny hananaran’ ny fiangonana ireo izay nahavita fahotana, izay tao “anatin’ ny fiangonana.

7 Ary ny zava-nitranga dia nentina teo anoloan’ ny mpisorona ireo ary natolotry ny mpampianatra ny mpisorona; ary ny mpisorona nitondra azy ireo teo anoloan’ i Almà izay “mpisorona avo.

8 Ankehitriny dia efa natolotr’ i Môsià mpanjaka an’ i Almà ny fahefana amin’ ny fiangonana.

9 Ary ny zava-nitranga dia tsy

23a TSM Jesoa Kristy —
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran’
i Jesoa Kristy.

24a TSM Fanekempihava-

nana.
26 3a TSM Fahatakarana.
4a TSM Olona araka ny
Nofo.
5a TSM Apôstazia;

Fifandirana.
6a Almà 5:57–58; 6:3.
TSM Fampitandre-
mana.
7a Môsià 29:42.

nahalala ny momba azy ireo i Almà; saingy nisy maro ny vavolombelona niampanga azy ireo; eny, nitsangana sady nanambatra lavareny ny momba ny helony ny vahoaka.

10 Ankehitriny dia tsy nisy zavatra toy izany nitranga tamin' ny fiangonana teo aloha; noho izany i Almà dia sahiran-tsaina, ary nasainy nentina teo anatrehan' ny mpanjaka izy ireo.

11 Ary hoy izy tamin' ny mpanjaka: Indro, ireto ny maro izay efa nentinay eto anoloanao izay ampangain' ny rahalahiny; eny, ary izy ireo dia efa voaray teo am-panaovana heloka samihafa. Ary tsy mibebaka amin' ny helony izy ireo; noho izany izahay dia efa nitondra azy ireo eto anoloanao mba hahazoanao mitsara azy ireo araka ny helony avy.

12 Nefa hoy i Môsià mpanjaka tamin' i Almà: Indro, izaho dia tsy hitsara azy ireo; noho izany dia "manolotra azy ireo kosa eo an-tananao aho mba hotsaraina.

13 Ary ankehitriny dia sahiran-tsaina indray i Almà; dia nandeha izy ary nanadina ny Tompo ny amin' izay tokony hataony momba ity raharaha ity, satria natahotra izy fandrao hanao hadisoana eo imason' Andriamanitra.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa noborahiny tamin' Andriamanitra ny fanahiny manontolo, dia

tonga taminy ny feon' ny Tompo, manao hoe:

15 Hotahina ianao ry Almà ary hotahina ireo izay natao batista tao amin' ny "ranon' i Môrmôna. Hotahina ianao noho ny 'fifinoanao fatratra ny teny fotsiny ihany; izay an' i Abinadia mpampoko.

16 Ary hotahina ireo noho ny finoany fatratra ny teny fotsiny ihany izay efa nolazainao azy ireo.

17 Ary hotahina ianao, satria efa nanangana "fiangonana teo anivon' ity vahoaka ity ianao; ka haorina mafy ianao, ary izy no ho oloko.

18 Eny, hotahina ity vahoaka ity izay te hitondra ny "anarako; fa amin' ny anarako no hiantsoana azy ary Ahy izy.

19 Ary satria efa nanadina Ahy ny amin' ny mpandika lalàna ianao, dia hotahiana ianao.

20 Mpanompoko ianao; ary Izaho dia manao fanekempihavanana aminao fa hahazo ny "fiainana mandrakizay ianao; ary hanompo Ahy ianao ary handeha amin' ny anarako sy hanangona ny ondriko.

21 Ary izay handre ny feoko no ho "ondriko; ary izay horaisinao ao amin' ny fiangonana, dia izy no horaisiko koa.

22 Fa indro, ity no fiangonako; na zovy na zovy no "atao batista dia hatao batista ho amin' ny fibebahana izy. Ary na zovy na

12a F&F 42:78–93.

15a Môsià 18:30.

b Môsià 17:2.

TSM Finoana.

17a Môsià 25:19–24.

18a Môsià 1:11; 5:8.

TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

20a TSM Olom-boafidy;
Fifidianana; Fiainana

Mandrakizay.
21a TSM Mpiandry
Ondry Tsara.
22a 2 Ne. 9:23.
TSM Batista.

zovy no horaisinao, dia hino ny Anarako izy; ary izy no ^bhave-lako malalaka.

23 Fa Izaho no “mitondra eo amiko ny fahotan’ izao tontolo izao; fa Izaho no efa ^bnahary azy; ary Izaho no manome izay mino hatramin’ ny farany toerana eo an-tanako ankavanana.

24 Fa indro, amin’ ny Anarako no iantsoana azy; ary raha “mahalala Ahy izy, dia hivoaka sy handray ny toerany mandrakizay eo an-tanako ankavanana.

25 Ary ny zavatra hitranga, rehefa haneno ny “trompetra faharoa, dia amin’ izay vao hivoaka ireo izay tsy ^bnahalala Ahy na oviana na oviana ary hijoro eo anoloako.

26 Ary amin’ izany dia ho fantany fa Izaho no Tompo Andriamaniny, fa Izaho no Mpanavotra azy; saingy tsy te ho voavotra izy.

27 Ary amin’ izany Aho dia hiaiky aminy fa tsy “nahalala azy na oviana na oviana Aho; koa ^bhiala izy hankany amin’ ny ^aafo maharitra mandrakizay, voaomana ho an’ ny devoly sy ny anjeliny.

28 Noho izany dia lazaiko aminao fa izay tsy te “handre ny feoko dia tsy horaisinao ao amin’ ny fiangonako, fa izy no

tsy horaisiko amin’ ny andro farany.

29 Noho izany dia lazaiko aminao, Mandehana, ary na zovy na zovy no mandika ny lalàko dia “hotsarainao ^aaraka ny fahotana izay efa nataony izy; ary raha ^amiaiky ny fahotany eo anatrehanao sy eo anatrehako izy ary ^emibebaka amin’ ny fahitsin’ ny fony, dia ^fhamela azy ianao, ary Izaho koa hamela azy.

30 Eny, ary ^aisaky ny ^bmibebaka ny oloko dia Izaho hamela ny fahadisoany Tamiko.

31 Ary ianareo samy ianareo koa dia “hifamela ny fahadi-soanareo; fa lazaiko aminareo marina tokoa, izay tsy mamela ny fahadisoan’ ny namany raha milaza izy fa mibebaka, dia izy no efa mametraka ny tenany eo ambany fanamelohana.

32 Ankehitriny dia lazaiko aminao, Mandehana; ary na zovy na zovy no tsy te hibe-baka amin’ ny fahotany dia tsy horaisina ho isan’ ny oloko izy; ary izany dia hankatoavina hatramin’ izao fotoana izao.

33 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nandre ireo teny ireo i Almà, dia nosoratany izany mba hahazoany mitana izany sy mba hahazoany mitsara ny vahoakan’ ity fiangonana ity araka ny didin’ Andriamanitra.

22b TSM Mamela;
Famelana ny
Fahotana.

23a TSM Mpanavotra.
^b TSM Fahariana.

24a Jao. 17:3.

25a F&F 88:99, 109.

^b F&F 76:81–86.

27a Mat. 7:21–23.

^b Lio. 13:27.

^d F&F 76:43–44.

28a 2 Ne. 9:31;

F&F 1:14.

29a TSM Fitsarana.

^b TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

^d 3 Ne. 1:25.

TSM Miaiky.

^e TSM Fibe-bahana.

^f TSM Mamela.

30a Môrô. 6:8.

^b Ezek. 33:11, 15–16;

Asa 3:19–20;

Môsià 29:19–20.

31a 3 Ne. 13:14–15;

F&F 64:9–10.

34 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Almà ary nitsara ireo izay efa noraisina tao amin' ny heloka, araka ny tenin' ny Tompo.

35 Ary na zovy na zovy no nibe-baka tamin' ny fahotany sy "niaiky izany dia izy no noraisiny ho isan' ny vahoakan' ny fiangonana;

36 Ary ireo izay tsy te hiaiky ny fahotany sy tsy te hibe-baka tamin' ny helony, ireo no tsy noraisina ho isan' ny vahoakan' ny fiangonana, ary "novonoina ny anarany.

37 Ary ny zava-nitranga dia i Almà no nitantana ny raharahany ny fiangonana rehetra; ary nanomboka nahita filaminana sy ho nambinina fatratra tokoa izy ireo teo amin' ny raharahany ny fiangonana, nandeha tamimpahamalinana teo anatrehan' Andriamanitra sy nandray maro ary nanao batisa maro.

38 Ary ankehitriny izany zavatra rehetra izany no nataon' i Almà sy ny mpiara-miasa taminy tamin' ny fiangonana, nandeha tamin' ny fahazotoana rehetra, nampianatra ny tenin' Andriamanitra tamin' ny zava-drehetra, niaritra ny karazam-pahoriana rehetra, nenjehin' ireo rehetra izay tsy isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

39 Ary izy ireo dia nananatra ny rahalahiny; ary izy ireo koa dia "nanarina, ny tsirairay

tamin' ny tenin' Andriamanitra araka ny fahotany na ny fahotana izay efa nataony, rehefa nodidian' Andriamanitra ^bhivavaka tsy tapaka, sy hana-ti-^atsotra amin-java-drehetra.

TOKO 27

Nandrara ny fanen-jehana i Môsià ary nandidy ny hisian' ny fitoviana — Nikatsaka ny handrava ny fiangonana i Almà Zanany sy ny zanak' i Môsià efa-dahy — Niseho ny anjely iray ary nandidy azy hampitsahatra ny asa ratsiny — Nanjary moana i Almà — Tsy maintsy ateraka indray ny olombelona rehetra hahazoany ny famonjena — Nilaza vaovao mahafaly i Almà sy ny zanakalahin' i Môsià. Tokony ho 100–92 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nanjary lehibe loatra ny fanen-jehana izay nampihariny ny tsy mpino tamin' ny fiangonana hany ka nanomboka nimonomonona ny fiangonana, ary nitaraina tamin' ny mpitondra azy momba izany raharaha izany; ary izy kosa dia nitaraina tamin' i Almà. Ary i Almà dia nanazava ny toe-javatra teo anoloan' i Môsià mpanjakany. Ary niaranidinika tamin' ny mpisorony i Môsià.

2 Ary ny zava-nitranga dia nandefa filazana eran' ny tany manodidina i Môsià mpanjaka mba tsy hisy tsy mpino "hanenjika na

35a TSM Miaiky.

36a Eks. 32:33;

Almà 1:24.

TSM Bokin' ny

Fiainana; Fanesorana tsy ho Mpikambana.

39a TSM Fampitandremana.

b 2 Ne. 32:8–9.

d TSM Misaotra.

27 2a TSM Fanen-jehana.

iza na iza amin' ireo izay anisan' ny fiangonan' Andriamanitra.

3 Ary nisy didy henjana eran' ny fiangonana rehetra mba tsy hisian' ny fifanenjehana eo aminy fa ny mba hisian' ny "fitoviana kosa eo anivon' ny olon-drehetra;

4 Mba tsy hamelany ny avonavona sy ny fiamboniana hanelingelina ny "fiadanany; mba ^bhiheveran' ny olona tsirairay ny namany ho toy ny tenany, ka hampiasany ny tanany ihany ho fivelomany.

5 Eny, ary ny mpisorona sy ny mpampianatra rehetra dia tokony "hampiasa ny tanany avy hivelomany amin' ny lafiny rehetra afa-tsy amin' ny aretina na ao amin' ny fahasahiranana be; ary ny fanaovana ireo zavatra ireo dia nampitombo azy tao amin' ny ^bfahasoavan' Andriamanitra.

6 Ary nanomboka nisy fandriampahalemana be indray teo amin' ny tany; ary nanomboka ho maro tokoa ny mponina ary nanomboka niely patrana lavitra tambonin' ny tany, eny, tatsy avaratra sy tany atsimo, tany atsinanana sy tany andrefana, nanorina tanàn-dehibe midadasika sy tanàna kely tany amin' ny faritra rehetra teo amin' ny tany.

7 Ary ny Tompo dia namangy azy sy nanambina azy ary tonga firenena lehibe sy manan-karena izy.

8 Ankehitriny ny zanakalahin' i Môsià dia noraisina ho isan' ny tsy mpino; ary anisan' ireo koa ny anankiray tamin' ny "zanakalahin' i Almà, izay nantsoina hoe Almà toa an-drainy; kanefa dia nanjary lehilahy tena mamohetratra sy ^bmpanompo sampy izy. Ary izy dia olon' ny teny maro, ary nanao teny nanasohaso be ny vahoaka izy; noho izany izy dia nitarika ny maro tamin' ny vahoaka hanao araka ny fomban' ny helony.

9 Ary nanjary sakana lehibe ho an' ny fandrosoan' ny fiangonan' Andriamanitra izy; tamin' ny "fangalarana ny fon' ny vahoaka; ny famelomana fifandirana be teo anivon' ny mponina; ny fanomezana lalana ny fahavalon' Andriamanitra hanampatra ny fahefany taminy.

10 Ary ankehitriny ny zavaintranga, raha mbola nandeha tetsy sy teroa izy handrava ny fiangonan' Andriamanitra, fa nandeha an-tsokosoko tetsy sy teroa izy niaraka tamin' ny zanakalahin' i Môsià nikatsaka ny handrava ny fiangonana sy ny hitarika ny vahoakan' Andriamanitra haniaisia ary hanohitra ny didin' Andriamanitra, na koa ny mpanjaka—

11 Ary toy ny efa nolazaiko taminareo, fa raha mbola nandeha tetsy sy teroa izy ireo "nikomy tamin' Andriamanitra, dia indro, ^bniseho taminy ny

3a Môsià 23:7; 29:32.

4a TSM Fiadanana.

^b TSM Mihevitra Ho.

5a Môsià 18:24, 26.

^b TSM Fahasoavana.

8a TSM Almà,
Zanakalahin' i
Almà.

^b TSM Fanompoan-
tsampy.

9a 2 Sam. 15:1–6.

11a TSM Fikomiana.

^b Asa 9:1–9;

Almà 8:15.

^danjin' ny Tompo; ary nidina toy ny tao anaty rahona izy; ary niteny izy miova tsy ny feon' ny kotrobaratra, izay nahatonga ny tany hihorohoro teo amin' ny toerana nijoroan' izy ireo.

12 Ary lehibe loatra ny fitalanjonany ka nianjera tamin' ny tany izy ireo ary tsy nahatakatra ny teny izay nolazainy taminy.

13 Kanefa dia niantso indray izy, nanao hoe: Ry Almà, miarena ary mitsangàna, fa nahoana ianao no manenjika ny fiangonan' Andriamanitra? Fa efa niteny ny Tompo hoe: “Inty no fiangonako ary Izaho no hanorina azy ary tsy hisy na inona na inona handrodana azy, afa-tsy ny fandikan-dalàn' ny oloko.

14 Ary hoy indray ilay anjely: Indro, ny Tompo dia efa nandre ny ^afivavaky ny olony ary koa ny fivavak' i Almà mpanompony izay rainao; fa efa nivavaka tamim-pinoana be momba anao izy hahazoana mitondra anao mankamin' ny fahalalana ny marina; koa, noho izany antony izany no efa nahatongavako mba handresy lahatra anao ny amin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra, hahazoana mamaly ny ^bfivavaky ny mpanompony arakaraka ny finoany.

15 Ary ankehitriny indro, moa afaka manohitra ny herin' Andriamanitra va ianao? Fa indro, moa va ny feoko tsy mampihorohoro ny tany? Ary moa va tsy azonao jerena koa aho manoloa-

na anao? Ary izaho dia iraka avy any amin' Andriamanitra.

16 Ankehitriny dia lazaiko aminao hoe: Mandehana, ary tsarovy ny fahababoan' ny razanao tany an-tanin' i Helama sy tany an-tanin' i Nefia; ary tsarovy ny mahalehibe ny zavatra efa nataony ho azy; fa tao amin' ny famatorana izy, ary Izy dia efa ^ananafaka azy. Ary ankehitriny, lazaiko aminao ry Almà, zory ny lalanao, ary aza mikatsaka ny handrava ny fiangonana intsony mba hahazoana mamaly ny fivavany, ary izany na dia sitrakao aza ny hanariana ny tenanao.

17 Ary ankehitriny ny zavanimitranga dia ireo no teny farany izay nataon' ilay anjely tamin' i Almà, ary dia lasana izy.

18 Ary ankehitriny lavo tamin' ny tany indray i Almà sy ireo izay niaraka taminy, fa lehibe ny fitalanjonany; fa tamin' ny masony mihitsy no efa nijereny ny anjin' ny Tompo iray; ary ny feony dia toy ny kotrobaratra izay nampihorohoro ny tany; ary nahalala izy ireo fa tsy misy na inona na inona afa-tsy ny herin' Andriamanitra ihany no afaka mampihorohoro ny tany sy mahatonga azy hihovotrovotra miova tsy ny hitresaka.

19 Ary ankehitriny lehibe loatra ny fitalanjonan' i Almà ka nanjary moana izy ka tsy afaka nanokatra ny vavany; eny, ary nanjary osa izy fa tsy afanampihetsika ny tanany; noho

11d TSM Anjely.

13a TSM Jesoa Kristy—
Lohan' ny

Fiangonana.

14a Almà 10:22.

b Môrm. 9:36–37.

16a Môsià 23:1–4.

izany dia nalain' ireo izay niaraka taminy izy ary nentina, tsy naharay tena, ambara-pahame-trahana azy teo anoloan-drainy.

20 Ary notanisainy tamin-drainy avokoa izay efa nanjo azy; ary dia faly ny rainy, satria nahalala izy fa herin' Andriamanitra izany.

21 Dia nasainy niara-nifamory ny valalabemandry mba hahazoany manatri-maso ny zavatra izay efa nataon' ny Tompo tamin-janany, ary koa tamin' ireo izay niaraka taminy.

22 Ary nasainy niara-nifamory ny mpisorona; ary nanomboka nifady hanina izy ireo ary niva-vaka tamin' ny Tompo Andriamaniny mba hanokafany ny vavan' i Almà mba hahazoany miteny ary koa mba hahazoan' ny rantsam-batany mandray hery—hahazoana manokatra ny mason' ny vahoaka ka hahita sy hahafantatra ny hatsaram-po sy ny voninahitr' Andriamanitra.

23 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nifady hanina sy niva-vaka nandritra ny roa andro sy roa alina izy ireo, dia nahazo hery ny rantsam-batan' i Almà, ary nitsangana izy ary nanomboka niteny taminy, nandrisika azy ireo hanana fahatokiana:

24 Fa, hoy izy, izaho dia efa nibe-baka tamin' ny fahotako sy efa "navotan' ny Tompo; indro, ateraky ny Fanahy aho.

25 Ary hoy ny Tompo tamiko: Aza gaga fa ny olombelona re-

hetra, eny, na lahy na vavy, ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra, dia tsy maintsy "ateraka indray; eny, aterak' Andriamanitra, ^bovaina avy amin' ilay toetra "manaram-batana sy lavo, ho amin' ny toetry ny fahamari-nana, rehefa navotan' Andriamanitra ka tonga zanany lahy sy vavy;

26 Ary dia toy izany no maha-tonga azy ho olom-baovao; ary raha tsy manao izany izy, dia "tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy.

27 Lazaiko aminareo fa raha tsy izany no mitranga, dia tsy maintsy lavina izy; ary izany no fantatro dia satria efa saika nolavina aho.

28 Kanefa, rehefa namakivaky fahasahiranana be aho ka nibe-baka saika hatrany amin' ny fahafatesana aza, ny Tompo tao amin' ny famindram-po dia nahita fa mety ny handrombahana ahy hiala ny "afo maharitra mandrakizay, ary aterak' Andriamanitra aho.

29 Ny fanahiko dia efa navotana tamin' ny ngidin' ny afero sy ny famatoran' ny heloka. Tao amin' ny hantsana maizin-kitroka aho; nefa ankehitriny hitako ny fahazavana mahagaga izay an' Andriamanitra. "Nosamatsamahan' ny fijaliana mandrakizay ny fanahiko; nefa norombahana tao aho, ary tsy manaintaina intsony ny fanahiko.

24a 2 Ne. 2:6–7.

TSM Fanavotana.

25a Roma. 6:3–11;

Môsià 5:7; Almà 5:14;

Mos. 6:59.

TSM Ateraka Indray,

Aterak' Andriamanitra.

b Môsià 3:19; 16:3.

d TSM Ara-nofo.

26a Jao. 3:5.

28a 2 Ne. 9:16.

29a Môsià 2:38.

30 Notsipahiko ny Mpanavotra ahy ary nolaviko izay efa nolazain' ny razantsika; nefa ankehitriny, mba hahitan' izy ireo mialoha fa ho avy Izy, ary tsaroany ny voary tsirairay nohariany, dia haneho ny tenany amin' ny rehetra Izy.

31 Eny, ny "lohalika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky eo anoloany. Eny, na dia amin' ny andro farany aza, rehefa hitsangana ny olon-drehetra mba ^bhotsarainy, dia hiaiky izy ireo amin' izany fa Izy no Andriamanitra; hiaiky amin' izany ireo izay miaina "tsy misy Andriamanitra eo amin' izao tontolo izao, fa rariny ny famaliana azy amin' ny famaizana maharitra mandrakizay; ary ho tora-kovitra sy hihorohoro ary hitakemotra ireo eo ambanin' ny fijerin' ny masony "mahita ny zava-drehetra.

32 Ary ankehitriny ny zavannitranga, hatramin' izay fotoana izay, dia nanomboka nampianatra ny vahoaka i Almà mbamin' ireo izay niaraka tamin' i Almà tamin' ny fotoana nisehoan' ilay anjely taminy, nandeha nitety ny tany rehetra manodidina nilaza tamin' ny olon-drehetra ny zavatra izay efa reny sy hitany, sady nitory ny tenin' Andriamanitra tao anatin' ny fahasahiranana be rehefa nenjehin' ireo izay tsy mpino mafy tokoa, rehefa nokapohin' ny maro taminy.

33 Nefa na dia teo aza izany dia nitondra fampaherezana be ho an' ny fiangonana izy ireo, tamin' ny fanamafisan' orina ny finoany sy ny famporisihana azy tamin' ny fahari-po ary ny filofosana be mba hitandrina ny didin' Andriamanitra.

34 Ary "zanakalahin' i Môsià ny efatra taminy; ary ny anarany dia i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnery sy i Himnia; ireo no anaran' ny zanakalahin' i Môsià.

35 Ary ireo dia nandeha eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo, tany anivon' ny vahoaka rehetra izay teo ambany fitondran' i Môsià mpanjaka, niezaka tamin' ny faharisihana tokoa hanarina ny fanimbana rehetra izay efa nataony tamin' ny fiangonana, niaiky ny fahotany rehetra sy nilaza ny zavatra rehetra izay efa hitany sy nanazava ny faminiana ary ny soratra masina tamin' ireo rehetra izay naniry ny handre izany.

36 Ary dia toy izany no naha-fitaovana azy ireo teo an-tanan' Andriamanitra tamin' ny fitondrana ny maro ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana, eny, ho amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy.

37 Ary endrey notahiana izy ireo! Fa "notoriany ny fiadanana; notoriany ny ^bteny soa mahafaly; ary nolazainy tamin' ny olona fa manjaka ny Tompo.

31a Filip. 2:9–11;
Môsià 16:1–2;
F&F 88:104.
b TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

d Almà 41:11.
e TSM Andriamanitra.
34a TSM Amôna,
Zanakalahin' i Môsià.
37a Isa. 52:7;

Môsià 15:14–17.
TSM Mitory.
b TSM Filazantsara.

TOKO 28

Nandeha mba hitory tany amin' ny Lamanita ny zanakalahin' i Môsià —Nandika ny takelaky ny Jarèdita i Môsià, tamin' ny fampiasana ny vato roan' ny mpahita. Tokony ho 92 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy nanao ireo zavatra rehetra ireo ny “zanakalahin' i Môsià, dia naka vitsivitsy izy ireo hiaraka aminy ary niverina tany amin' ny mpanjaka rainy sy nangataka taminy ny hamelany azy sy ireo izay efa nofantenany mba hahazoany mandeha miakatra any an-tanin' i ^bNefia, mba hahazoany mitory ny zavatra izay efa reny mba hahazoany mizara ny tenin' Andriamanitra amin' ny Lamanita rahalahiny—

2 Mba hahazoany, angamba, mitondra azy ho amin' ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny sy mandresy lahatra azy ny amin' ny heloky ny razany; ary mba hahazoany, angamba, manasitrana azy amin' ny “fankahalany ny Nefita ary mba hahazoany mitondra azy koa hiravoravo ao amin' ny Tompo Andriamaniny, mba hanjary mpinamana izy samy izy ary mba tsy hisy intsony ny fifandirana eran' ny tany rehetra izay efa nomen' ny Tompo Andriamaniny azy.

3 Ankehitriny dia niriany ny hanambara ny famonjena amin'

ny olona tsirairay, satria tsy “tainty ny mety hisian' ny ^bfanahin' olona ho very; eny, na dia ny fieritreretana aza fa mety hisy fanahy hiaritra “fijaliana tsisy fiafarany dia nahatonga azy ireo hihorohoro sy hangovitra.

4 Ary dia toy izany no niasan' ny Fanahin' ny Tompo taminy, fa izy ireo no “faraidiny indrindra tamin' ny fahotana. Ary hitan' ny Tompo tao amin' ny ^bfamin-dram-po tsy hita lany fa mety ny hitsimbinana azy ireo; kane-fa dia niaritra ny fitaintainan' ny fanahiny fatratra izy ireo noho ny helony, rehefa nijaly mafy sy natahotra ny holavina mandrakizay.

5 Ary ny zava-nitranga dia niangaviany andro maromaro ny rainy mba hahazoany mandeha miakatra any an-tanin' i Nefia.

6 Ary nandeha i Môsià mpanjaka ary nanadina ny Tompo raha toa ka tokony havelany ny zanan' lahy handeha hiakatra any amin' ny Lamanita hitory teny.

7 Ary hoy ny Tompo tamin' i Môsià: Avelao izy handeha hiakatra, fa maro no hino ny teniny, ary ho azony ny fiainana mandrakizay; ary Izaho no “hanafaka ny zanakao lahy eo an-tànan' ny Lamanita.

8 Ary ny zava-nitranga dia namela ny handehanany sy hanaovany araka ny fangatahiny i Môsià.

28 1a Môsià 27:34.

b Ômnia 1:12–13;
Môsià 9:1.

2a Jakôba 7:24.

3a Almà 13:27;

3 Ne. 17:14; Mos. 7:41.

b tsm Fanahy
(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy)—
Hasarobidin' ny
olona.

d Jakôba 6:10;

F&F 19:10–12.

4a Môsià 27:10.

b tsm Famindram-po.

7a Almà 19:22–23.

9 Ary dia “nizotra ny diany nankany an-tany foana mba hiakatra hitory teny any anivon’ ny Lamanita; ary homeko any aoriana ny ^bfitantarana ny zava-bitany.

10 Ankehitriny i Môsià mpanjaka dia tsy nanana olona amelana ny fanjakana, satria tsy nisy tamin’ ireo zanany lahy nety nandray ny fanjakana.

11 Noho izany izy dia nandray ny rakitsoratra izay voasokitra tamin’ ny “takela-barahina, ary koa ny takelak’ i Nefia sy ny zavatra rehetra izay efa notanany sy notehiriziny araka ny didin’ Andriamanitra, rehefa avy nandika sy nampamoratra ny rakitsoratra izay teo amin’ ny ^btakela-bolamena izay hitan’ ny olon’ i Limia, izay natolotry ny tanan’ i Limia azy;

12 Ary izany no nataony dia noho ny ahiahy lehibe teo amin’ ny olony; fa naniry fatratra izy ny hahafantatra ny momba ireo olona izay efa nofongorana ireo.

13 Ary ankehitriny izy dia nandika izany tamin’ ny alalan’ ireo “vato roa ireo izay natambatry ny tanjaka roan’ ny andohalambo iray.

14 Ankehitriny ireo zavatra ireo dia efa voaomana hatrany am-piandohana ary nifanoloran’ ny taranaka nifandimby, satria ny fikasana dia ny fandikana teny;

15 Ary ireo dia efa notanana sy notehirizin’ ny tanan’ ny Tom-

po, mba hasehony ny voary tsirairay izay hizaka ny tany ny heloka sy ny fahavetavetan’ ny olony;

16 Ary na zovy na zovy no manana ireo zavatra ireo, dia antsoina hoe “mpahita, araka ny fomban’ ny fahagolan-tany.

17 Ankehitriny nony efa nahavita ny fandikana ireo rakitsoratra ireo i Môsià, dia indro, nanambara ny tantaran’ ny vahoaka iray izay “nofongorana izany, nanomboka tamin’ ny fotoana izay namongorana azy ka mianotra mankany amin’ ny fananganana ny ^btilikambo lehibe tamin’ ny fotoana “nanorokoroan’ ny Tompo ny fitenin’ ny olona, ary dia naely patrana lavitra teo ambonin’ ny tany manontolo izy, eny, ary dia hatramin’ izay fotoana izay ka miverina hatrany amin’ ny nahariana an’ i Adama.

18 Ankehitriny ity tantara ity dia nahatonga ny vahoakan’ i Môsià halahelo izaitsizy tokoa, eny, feno alahelo izy; kanefa dia nanome azy fahalalana be izany, izay naharavoravo azy.

19 Ary ity tantara ity dia hosoratana rahatrizay; satria indro ilaina ny hahafantaran’ ny vahoaka rehetra ny zavatra izay voasoratra ao amin’ ity tantara ity.

20 Ary ankehitriny, toy ny nolazaiko taminareo fa rehefa nahavita ireo zavatra ireo i Môsià mpanjaka, dia nalainy ny takela-

9a Almà 17:6–9.

b Almà 17–26.

11a TSM Takela-barahina.

b TSM Takela-bolamena.

13a TSM Orima sy Tomima.

16a Môsià 8:13–18.
TSM Mpahita.

17a Môsià 8:7–12.

b Etera 1:1–5.

d Gen. 11:6–9.

“barahina sy ny zavatra rehetra izay efa notehiriziny ary natolony an’ i Almà izany, izay zanakalahin’ i Almà; eny, ny rakitsoratra rehetra ary koa ny ^bfandikana, ary natolony azy izany, ary nodidiany izy hitana sy “hitahiry izany ary koa hitana ny rakitsoratra ny vahoaka, hanolotra izany ny taranaka mifandimby, dia tahaka ny efa nanolorana izany hatrany, hatramin’ ny fotoana izay nandaozan’ i Lehia an’ i Jerosalema.

TOKO 29

Namosa-kevitra i Môsià mba hifidianana ny mpitsara ho eo amin’ ny toeran’ ny mpanjaka—Nitarika ny vahoakany tany amin’ ny fahotana ny mpanjaka tsy marina—Nofinidin’ ny feon’ ny vahoaka i Almà Zanany mba ho lohan’ ny mpitsara—Izy koa no mpisorona avo teo amin’ ny fiangonana—Nodimandry i Almà rainy sy i Môsià. Toko ny ho 92–91 talohan’ i j.k.

ANKEHITRINY, nony efa nahavita izany i Môsià, dia naniraka olona eran’ ny tany manontolo tany anivon’ ny vahoaka rehetra izy, noho ny faniriana hahalala ny sitrapony momba izay tokony ho mpanjakany.

2 Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon’ ny vahoaka, nanao hoe: Maniry an’ i Aharôna zanakao lahy izahay ho mpanjaka sy ho mpanapaka anay.

3 Ankehitriny dia efa lasa nia-

katra tany an-tanin’ i Nefia i Aharôna, noho izany ny mpanjaka dia tsy afaka nanolotra azy ny fanjakana; sady tsy te handray ny fanjakan’ i Aharôna; sady tsy nisy koa tamin’ ny “zanak’ i Môsià te handray ny fanjakana.

4 Noho izany i Môsià mpanjaka dia nampaniraka indray tany anivon’ ny vahoaka; eny, nandefa teny voasoratra mihitsy tany anivon’ ny vahoaka izy. Ary ireo teny izay voasoratra ireo dia manao hoe:

5 Indro, ianareo ry vahoakako na ry rahalahiko, fa toy izany no iheverako anareo, maniry aho ny handinihinareo ny foto-kevitra izay iantsoana anareo hodinihina—fa maniry ianareo ny hanana “mpanjaka iray.

6 Ankehitriny ambarako aminareo fa ilay manan-jo ara-dalàna amin’ ny fanjakana dia efa nandà ary tsy handray eo aminy ny fanjakana.

7 Ary ankehitriny, raha toa misy anankiray hafa voatendry eo amin’ ny toerany, dia indro manahy aho fandrao hitranga ny fifandirana eo aminareo. Ary iza moa no mahalala raha toa ny zanako lahy izay manana zo ara-dalàna amin’ ny fanjakana ka tsy ho tezitra ary hitarika ny ampahan’ ity vahoaka ity hanaraka azy, izay hahatonga ady sy fifandirana eo anivonareo, izay ho anton’ ny fandatsahan-dra be sy ny familiviliana ny lalan’ ny Tompo, eny, ary hamongotra ny fanahin’ olona maro.

20a Almà 37:3–10.
b TSM Orima sy
Tomima.

d TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny
Soratra Masina.

29 3a Môsià 27:34.
5a 1 Sam. 8:9–19.

8 Ankehitriny dia lazaiko aminareo, aoka isika ho hendry ary handinika ireo zavatra ireo, fa tsy manan-jo hamongotra ny zanako lahy isika, no sady tsy manan-jo koa hamongotra olonkafa raha misy iray hafa hotendrena eo amin' ny toerany.

9 Ary raha toa ny zanako lahy ka miverina indray amin' ny avonavony sy ny zava-poanany, dia hotsoahiny ny zavatra izay efa nolazainy, ary hitaky ny zony amin' ny fanjakana izy izay hahatonga azy ary koa ity vahoaka ity hanao fahotana be.

10 Ary ankehitriny aoka isika ho hendry sy hitsinjo izany zavatra izany, ary hanao izay hampandry fahalemana ity vahoaka ity.

11 Noho izany dia izaho no ho mpanjakanareo mandritra ny androko sisa; kanefa dia aoka isika "hanendry^b mpitsara hitsara ity vahoaka ity araka ny lalàntsika; ary handamina amin' ny fomba vaovao tokoa ny raharahan' ity vahoaka ity isika, fa hanendry olon-kendry isika ho mpitsara izay hitsara ity vahoaka ity araka ny didin' Andriamanitra.

12 Ankehitriny dia tsaratsara kokoa raha tsarain' Andriamanitra ny olona toy izay tsarain' olombelona, fa ny fitsaran' Andriamanitra dia marina mandrakariva, fa ny fitsaran' olombelona kosa dia tsy marina mandrakariva.

13 Noho izany, raha toa ka mety hitranga ny hanananareo "olo-

marina ho mpanjakanareo, izay hampiorina ny lalàn' Andriamanitra sy hitsara ity vahoaka ity araka ny didin' Andriamanitra, eny, raha toa ianareo ka mety hanana olona ho mpanjakanareo izay hanao tahaka ny nataon' i ^bBenjamîna raiko tamin' ity vahoaka ity — Lazaiko aminareo fa raha toa ka izany mandrakariva no mitranga, dia tsara amin' izany ny hanananareo mandrakariva mpanjaka hifehy anareo.

14 Ary na dia ny tenako aza dia efa niasa tamin' ny hery rehetra sy ny fahaizana izay nananako mba hampianatra anareo ny didin' Andriamanitra sy hampiorina fandriampahalemana eran' ny tany mba tsy hisian' ny ady na fifandirana na fangalarana na famaboana fananana na famonoana olona na izay mety ho karazan-keloka;

15 Ary na zovy na zovy no efa nanao heloka dia izy no efa "nofaiziko araka ny heloka izay efa nataony, araka ny lalàna izay efa nomen' ny razantsika antsika.

16 Ankehitriny lazaiko aminareo satria tsy marina ny olon-drehetra dia tsy tsara ny hanananareo mpanjaka iray na maro hanapaka eo aminareo.

17 Fa indro, firifiry akory ny "heloka ampanaovin' ny mpanjaka ^bmamohehatra iray, eny, ary izany halehiben' ny faharavana iky!

18 Eny, tsarovy i Noà mpanjaka, ny "faharatsiany sy ny fahavetavetany ary koa ny faharatsiana

11a Môsià 29:25–27.

^b Eks. 18:13–24.

13a Môsià 23:8, 13–14.

^b TiM 1:17–18.

15a Almà 1:32–33.

17a Almà 46:9–10.

^b Môsià 23:7–9.

18a Môsià 11:1–15.

sy ny fahavetavetan' ny olony. Indro, akory ny halehiben' ny faharavana nihatra taminy; ary koa noho ny helony dia navarina tany amin' ny ^bfamatorana izy ireo.

19 Ary raha tsy nisy ny fanalalan' Ilay Mpahary azy ireo, izay feno ny fahendrena rehetra, ary izany dia noho ny fibebahany marina, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ho nijanonany tao amin' ny famatorana mandraka ankehitriny.

20 Nefa indro, nafahiny izy ireo noho izy ireo "nanetry ny tenany teo anoloany; ary satria izy ireo dia nahery ^bnitalaho tokoa Taminy dia Izy no nana-faka azy ireo hiala tamin' ny famatorana; ary dia toy izany no iasan' ny Tompo amin-kery amin' ny toe-javatra rehetra eo anivon' ny zanak' olombelona, amin' ny fanolorana ny sandrin' ny ^afamindram-po amin' ireo izay mametraka ny ^afitokiany Aminy.

21 Ary indro ankehitriny, lazai-ko aminareo fa tsy afaka manongana mpanjaka iray mpanao meloka ianareo raha tsy amin' ny alalan' ny fifandirana be sy ny fandatsahan-dra be.

22 Fa indro, manana ny "namany ao amin' ny heloka izy, ary mitana ny mpiambina azy manodidina azy izy; ary mandrovitra ny lalàn' ireo izay efa nanjaka talohany tamin' ny fahamarinana izy; ary manosihoh-

sy amin' ny tongony ny didin' Andriamanitra izy;

23 Ary mamoa lalàna izy sy mandefa izany any anivon' ny olony, eny, dia lalàna araka ny toetry ny "faharatsiany ihany; ary na zovy na zovy no tsy mankatò ny lalàny dia asainy fongorana; ary na zovy na zovy no mikomy aminy dia handefasany ny miaramilany hamaky ady aminy, ary raha azony atao, dia hofongorany izy; dia toa izany no hamilivilian' ny mpanjaka tsy marina iray ny lalan' ny fahamarinana rehetra.

24 Ary ankehitriny indro lazaiko aminareo, tsy tsara ny hahatongavan' ny fahavetavetana toy izany eo aminareo.

25 Noho izany, dia mifidiàna ianareo, amin' ny alalan' ny feon' ity vahoaka ity, mpitsara mba hahazoana mitsara anareo araka ny lalàna izay efa nomen' ny razantsika anareo, izay marina ary izay efa natolotry ny tanan' ny Tompo azy.

26 Ankehitriny dia tsy fahita izany feon' ny vahoaka maniry zavatra mifanohitra amin' izay rariny izany; fa matetika dia ny ampahany vitsy an' isa amin' ny vahoaka no maniry izay tsy rariny; noho izany dia izao no araho sy ankatoavy ho lalanareo—dia ny hanaovana ny raharahanareo amin' ny alalan' ny feon' ny vahoaka.

27 Ary "raha avy ny fotoana izay ifidianan' ny feon' ny

18b 1 Sam. 8:10–18;
Môsià 12:1–8;
Etera 6:22–23.
20a Môsià 21:13–15.

b Eks. 2:23–25;
Almà 43:49–50.
d Ezek. 33:11, 15–16;
Môsià 26:30.

e TSM Matoky.
22a 1 Mpan. 12:8–14.
23a TSM Faharatsiana.
27a Almà 10:19.

vahoaka ny heloka, dia izany no fotoana hahatongavan' ny famalian' Andriamanitra aminareo; eny, izany no fotoana hamanangiany anareo amin' ny famongorana lehibe, tahaka ny efa namangiany ity tany ity hatrizao.

28 Ary ankehitriny raha manana mpitsara ianareo, ary ireo dia tsy mitsara anareo araka ny lalàna izay efa nomena, dia azonareo atao ny hitsaran' ny mpitsara iray ambony kokoa azy ireo.

29 Ary raha tsy mitsara araka ny fitsarana marina ny mpitsaranareo ambony, dia asainareo mifamory ireo mpitsaranareo ambanibany vitsivitsy, ary ireo no hitsara ny mpitsaranareo ambony araka ny feon' ny vahoaka.

30 Ary mandidy anareo aho hanao izany zavatra izany amin' ny fahatahorana ny Tompo; ary mandidy anareo aho hanao izany zavatra izany ary ny tsy hanananareo mpanjaka; fa raha mahavita fahotana sy heloka ity vahoaka ity, dia hovaliana eo ambony lohany ihany izany.

31 Fa indro lazaiko aminareo, ny otan' ny olona maro dia voakaty ny fahotanay mpanjakany; noho izany, ny helony dia hovaliana eo ambony lohan' ireo mpanjakany.

32 Ary ankehitriny dia maniry aho ny tsy hisian' ny "tsy fitoviana intsony eo amin' ity tany ity, indrindra fa eo anivon' ity oloko ity; fa iriako kosa ity tany ity mba ho tanin' ny ^bfahafahana ka ho azon' ny ^dolona tsirairay

ny mizaka ny zony sy ny tombontsoany ihany koa, raha mbola heverin' ny Tompo fa mety ny ahazoantsika miaina sy mandova ny tany, eny, raha mbola mety misy koa taranatsika tavela eto ambonin' ny tany.

33 Ary maro ny zavatra mbola nosoratan' i Môsià mpanjaka taminy ka namelabelarany taminy ny fizahan-toetra rehetra sy ny fahasahiranana rehetra an' ny mpanjaka marina, eny, ny tebitebin-tsainy rehetra ho an' ny vahoakany ary koa ny fimonomononana rehetra ataon' ny vahoaka amin' ny mpanjakany; ary dia nohazavainy taminy izany rehetra izany.

34 Ary dia nolazainy azy fa tsy tokony hisy ireo zavatra ireo; fa ny enta-mavesatra kosa dia tokony ho tonga amin' ny olon-drehetra mba hahazoan' ny olona tsirairay mitondra ny anjarany.

35 Ary novelabelariny taminy koa ny fahavoazana rehetra hiarerany amin' ny fananana mpanjaka tsy marina hifehy azy;

36 Eny, ny helony sy ny fahavetavetany rehetra, ary ny ady rehetra sy ny fifandirana ary ny fandatsahan-dra, ary ny fangalarana sy ny famaboana fananana, ary ny fijangajangana sy ny karazany rehetra amin' ny heloka izay tsy hita hotanisaina—nilazany taminy fa ireo zavatra ireo dia tsy tokony hisy, fa ireo dia manohitra an-kitsirano ny didin' Andriamanitra.

37 Ary ankehitriny ny zava-

32a Almà 30:11.
b 2 Ne. 1:7; 10:11.

TSM Fahalalahana.
d Almà 27:9.

nitranga, rehefa avy nandefa ireo zavatra ireo tany anivon' ny vahoaka i Môsià mpanjaka, dia resy lahatra ny amin' ny mahamarina ny teniny izy.

38 Noho izany izy dia nahafoy ny faniriany hanana mpanjaka ary nanjary dodona fatratra tokoa ny hananan' ny olona tsirairay zara mitovy eran' ny tany manontolo; eny, ary ny olona tsirairay dia samy naneho ny fahavononany hiantsoroka ny fahotany avy.

39 Noho izany ny zava-nitranga dia nitambatambatra tamin' vondrona ny mponina eran' ny tany mba hampahafantatra ny feony momba izay tokony ho mpitsarany hitsara azy araka ny "lalàna izay efa nomena azy; ary niravoravo fatratra tokoa izy noho ny ^bfahalalahana izay efa nomena azy.

40 Ary dia nihamafy ny fitiavana an' i Môsià; eny, nohajainy mihoatra noho ny olon-kafa rehetra izy; fa izy dia tsy nihevitra azy ho toy ny andriamborivory izay nikatsaka ny harena, eny, dia io harena io izay mahalò ny fanahy; fa tsy nitaky harena tamin' izy no sady tsy finaritra tamin' ny fandatsahan-dra; fa efa nampiorina "fandriampahalemana kosa teo amin' ny tany izy, ary efa namela ny olony ho afaka tamin' ny famatorana isan-karazany; noho izany izy dia nanaja azy, eny, fatratra tokoa, nihoa-pampana aza.

41 Ary ny zava-nitranga, dia

notendreny ny "mpitsara hifehy azy na hitsara azy araka ny lalàna; ary izany no nataony eran' ny tany manontolo.

42 Ary ny zava-nitranga dia i Almà no notendrena voalohan' ho lohan' ny mpitsara, efa mpisorona avo rahateo koa izy, noho ny rainy efa nanankina ny fandraharahana taminy sy nanolotra azy ny fiadidiana momba ny raharaha rehetra an' ny fiangonana.

43 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia "nandeha tamin' ny lalan' ny Tompo i Almà ary nitandrina ny didiny, ary nitsara araka ny fitsarana marina izy; ary nisy fandriampahalemana lalandava eran' ny tany.

44 Ary dia toy izany no niantombohan' ny fitondran' ny mpitsara eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo, tany anivon' ny vahoaka rehetra izay nantsoina hoe ny Nefita; ary i Almà no voalohany sady lohan' ny mpitsara.

45 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nodimandry ny rainy, rehefa roa amby valopolo taona sady niaina mba hanatanteraka ny didin' Andriamanitra.

46 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Môsià, teo amin' ny faha-telo amby telopolo taona nanjakany, rehefa nahatratra "telo amby enimpolo taona izy; ka ny fitambarany dia sivy amby dimanjato taona hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema.

39a Almà 1:14.

^b TSM Fahalalahana.

40a TSM Mpampihavana.

41a Môsià 29:11.

43a TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka

amin' Andriamanitra.

46a Môsià 6:4.

47 Ary dia toy izany no nifaranan' ny fitondran' ny mpanjaka teo amin' ny vahoakan' i Nefia;

ary dia toy izany no nifaranan' ny andron' i Almà, izay mpanorina ny fiangonany.

NY BOKIN' I ALMÀ

ZANAKALAHIN' I ALMÀ

Ny fitantaran' i Almà izay zanakalahin' i Almà, lohan' ny mpitsara voalohany tamin' ny vahoakan' i Nefia ary koa mpisorona avo tamin' ny fiangonana. Ny tantaran' ny fitondran' ireo mpitsara sy ny ady ary ny fifandirana teo anivon' ny vahoaka. Ary koa ny fitantarana ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, araka ny rakitsoratr' i Almà, ilay lohan' ny mpitsara voalohany.

TOKO 1

Nampianatra fotopampianarana sandoka, nanorina fiangonana iray, nampiditra ny komiberaky ny mpisorona ary namono an' i Gideôna i Nehôra—Novonoina i Nehôra noho ny helony—Niely tany anivon' ny vahoaka ny komiberaky ny mpisorona sy ny fanenjehana—Name-lon-tena ny mpisorona, niahy ny mahantra ny vahoaka, nandroso ny fiangonana. Tokony ho 91–88 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, hatramin' izay fotoana izay, ka i Môsià mpanjaka dia efa “nihazo ny lalana falehan' ny tany rehetra, rehefa niady ny ady tsara sy nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan'

Andriamanitra sady tsy namela na iza na iza hanjaka hisolo azy; na dia teo aza izany, dia efa nampitoetra ireo ^blalàna izy ary ireo dia nankatoavin' ny vahoaka; noho izany izy dia voatery niaina araka ny lalàna izay efa nataony.

2 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' i Almà teo amin' ny toeram-pitsarana, dia nisy ^alehilahy iray nentina teo anoloany mba hotsaraina, lehilahy iray vaventy sy nalaza noho ny tanjany be.

3 Ary efa nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, nitory taminy izay ^anolazainy fa ny tenin' Andriamanitra, ^bnanohitra ny fiangonana; nilaza tamin' ny vahoaka fa ny mpisorona sy ny mpampianatra tsirairay avy dia tokony ho ^dmamy hoditra; ary ^etsy tokony hampiasa ny

[ALMÀ]

1 1a Môsià 29:46.
b Jarôma 1:5;

Almà 4:16; Hel. 4:22.
2a Almà 1:15.
3a Ezek. 13:3.

b TSM Antikristy.
d Lio. 6:26; 1 Ne. 22:23.
e Môsià 18:24, 26; 27:5.

sandriny izy ireo, fa tokony hovelomin' ny vahoaka kosa.

4 Ary nanambara tamin' ny vahoaka koa izy fa hovonjena ny olombelona rehetra amin' ny andro farany, ary tsy ilaina matahotra na mangovitra izy ireo fa mahazo manandratra ny lohany sy miravoravo kosa; fa efa nahary ny olon-drehetra ny Tompo ary koa efa nanavotra ny olon-drehetra; ary amin' ny farany, ny olon-drehetra dia hahazo ny fiainana mandrakizay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nampianatra fatratra tokoa ireo zavatra ireo izy ka maro no nino ny teniny, maro tokoa, ka ireo dia nanomboka nanohana azy sy nanome vola azy.

6 Ary nanomboka nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny fony izy ary nitondra fitafiana tena lafo vidy tokoa, eny, ary rafitra mihitsy nanorina "fiangonana anankiray nifanaraka tamin' ny fomba fitoriany.

7 Ary ny zava-nitranga raha nandeha hitory tamin' ireo izay nino ny teniny izy, dia nifanehitra tamin' ny lehilahy iray izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra, eny, dia ny iray tamin' ny mpampianany izany; ary nanomboka nifanditra mafy tokoa taminy izy hahazoany mitarika ny olon' ny fiangonana haniaisia; fa ralehilahy kosa nanohitra azy sady nananatra azy tamin' ny "tenin' Andriamanitra.

8 Ankehitriny dia i "Gideôna no anaran' izany lehilahy izany;

ary fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra izy tamin' ny fanafahana ny vahoakan' i Limia hiala ny famatorana.

9 Ankehitriny, noho i Gideôna nanohitra azy tamin' ny tenin' Andriamanitra, dia nisafoaka tamin' i Gideôna izy ary nana-tsoaka ny sabany sy nanomboka namely azy. Ankehitriny dia efa nitambesaran' ny taona maro i Gideôna, hany ka tsy afaka nanohitra ny famelezany, koa dia "voavono tamin-tsabatra izy.

10 Ary ilay olona izay namono azy kosa dia nosamborin' ny vahoakan' ny fiangonana ary nentina teo anoloan' i Almà mba "hotsaraina araka ny heloka efa vitany.

11 Ary ny zava-nitranga dia nijoro teo anoloan' i Almà izy sady niaro ny tenany tamimpahasahiana be.

12 Nefa hoy i Almà taminy: Indro, izao no nampidirana voalohany ny "komiberaky ny mpisorona teo anivon' ity vahoaka ity. Ary indro, ianao dia tsy meloka fotsiny ihany noho ny komiberaky ny mpisorona, fa efa niezaka ny hampihatra izany tamin-tsabatra; ary raha ny komiberaky ny mpisorona no ampiharina eo anivon' ity vahoaka ity, dia hiafara amin' ny faharavany tanteraka izany.

13 Ary efa nandatsaka ny ran' olo-marina iray ianao, eny, dia olona iray izay efa nanao soa be tamin' ity vahoaka ity; ary raha toa aza ka hitsitsy ny ainao

6a 1 Ne. 14:10.

7a TSM Tenin' Andriamanitra.

8a Môsià 20:17; 22:3.

9a Almà 6:7.

10a Môsià 29:42.

12a 2 Ne. 26:29.

TSM Komiberaky ny Mpisorona.

izahay, dia hanody anay ny rany ho "valifaty.

14 Noho izany, dia voaheloka ho faty ianao araka ny lalàna izay efa nomen' i Môsià, mpanjakantsika farany antsika; ary izany dia efa nankatoavin' ity vahoaka ity; noho izany ity vahoaka ity dia tsy maintsy "miaina araka ny lalàna.

15 Ary ny zava-nitranga dia nalainy izy; ary ny anarany dia i "Nehôra; ary nentiny hankenany an-tampon-kavoan' i Mantia izy, ary teny no nampanekenany azy, na ny marimarina kokoa, no nankenany teo anatrehan' ny lanitra sy ny tany fa izay nampianariny ny vahoaka dia nifanohitra tamin' ny tenin' Andriamanitra; ary teny no niaretany ^bfahafatesana mahatsiravina.

16 Kanefa tsy nampitsahatra ny fielezan' ny komiberaky ny mpisorona eran' ny tany izany; satria nisy maro ireo izay tia ny zava-poanan' izao tontolo izao ary nandeha ireo nitory fotopampianarana sandoka; ary ireo no nanao izany dia noho ny "harena sy ny voninahitra.

17 Na dia teo aza izany, dia tsy sahy "nandainga izy ireo fandrao ho fantatra izany noho ny fahatahorany ny lalàna, satria nafaizina ny mpandainga; noho izany dia mody nitory araka ny finoany izy ireo; ary ankehitriny ny lalàna dia tsy nanan-kery tamin' ny olona noho ny ^bfinoany.

18 Ary tsy sahy "nangalatra izy ireo noho ny fahatahorany ny lalàna, satria nafaizina ny toy izany; ary tsy sahy nandroba koa na namono olona, fa izay ^bnamono olona dia nafaizina tamin' ny famonoana ho "faty.

19 Nefa ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy isan' ny fiangonan' Andriamanitra dia rafitra nanenjika ireo izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra ary efa nitondra ny anaran' i Kristy.

20 Eny, nanenjika sy nampahory azy tamin' ny fombam-pitenenana rehetra, ary izany dia noho ny fanetren-tenany; satria tsy mba nirehareha teo imasony izy ary satria nifampizara ny tenin' Andriamanitra izy samy izy nefa tsy "tamim-bola na tamin-karena.

21 Ankehitriny dia nisy lalàna henjana teo anivon' ny vahoakan' ny fiangonana mba tsy hisy olona iray isan' ny fiangonana hitsangana ary "hanenjika ireo izay tsy isan' ny fiangonana ary mba tsy hisy fifanenjehina eo amin' izy samy izy.

22 Na dia teo aza izany, dia nisy maro taminy no nanomboka nirehareha ary rafitra nifanditra tamin' ny mpanohitra tamin-kafanam-po tokoa ary hatrany amin' ny fifamelezana mihitsy; eny, nifamely tamin' ny totohondry izy samy izy.

23 Ankehitriny, izany dia ta-

13a TSM Valifaty.

14a TSM Famaizana ho Faty.

15a Almà 1:2.

^b Deot. 13:1-9.

16a TSM Harena;

Zava-poana.

17a TSM Fahamarinantoetra; Lainga.

^b Almà 30:7-12;

Fp. 1:11.

18a TSM Mangalatra.

^b TSM Famonoan' Olona.

^d TSM Famaizana ho Faty.

20a Isa. 55:1-2.

21a TSM Fanenjehana.

min' ny taona faharoan' ny fitondran' i Almà ary nahatonga fahoriana be ho an' ny fiangonana izany; eny, izany no anton' ny fisedrana lehibe ho an' ny fiangonana.

24 Fa niamafy ny fon' ny maro, ary "novonoina ny anarany mba tsy hahatsiarovana azy intsony eo anivon' ny vahoakan' Andriamanitra. Ary koa, maro ireo izay ^bnanala ny tenany tsy ho isany.

25 Ankehitriny dia fisedrana lehibe ho an' ireo izay niorina mafy tamin' ny finoana izany; na dia teo aza izany dia niorina mafy izy sady tsy niova tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, ary niaritra tamim-^apaharetana ny fanenjehana izay navangongo taminy.

26 Ary rehefa nandao ny "asany ny mpisorona mba hizara ny tenin' Andriamanitra amin' ny vahoaka, dia nandao ny asany koa ny vahoaka mba hihaino ny tenin' Andriamanitra. Ary rehefa avy nizara ny tenin' Andriamanitra taminy ny mpisorona, dia niverina tamim-pahazotoana tokoa indray tamin' ny asany ny rehetra; ary tsy nihevitra ny tenany ho ambony noho ireo mpihaino azy ny mpisorona, fa ny mpitory dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpihaino, ary ny mpampianatra dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpianatra; ary dia toy izany no

nitovian' izy rehetra, ary samy niasa izy rehetra, ny tsirairay ^baraka ny heriny avy.

27 Ary "nanome tamin' ny fananany izy, ny tsirairay araka izay nananany, ho an' ny ^bmanhantra sy ny sahirana ary ny marary sy ny ory; ary tsy mba nanao fitafiana lafo vidy izy, ka nefa sady madio no meva tokoa.

28 Ary dia toy izany no nandrandrany ny raharahan' ny fiangonana; ary dia toy izany no nanombohany nahazo fandriampahalemana lalandava indray na dia teo aza ny fanenjehana rehetra azy.

29 Ary ankehitriny, noho ny fahamafisan' orin' ny fiangonana dia nanomboka "nanan-karena fatratra tokoa izy, fa nananany sesehena ny zavatra rehetra, na inona na inona nilainy — sesehena ny biby fiompiny sy ny biby nafahy isan-karazany, ary koa sesehena ny voa sy ny volamena ary ny volafotsy sy ny zava-tsa-robidy, ary sesehena ny ^blandy sy ny hariry madinika ary ny lamba tsotra sady soa isan-karazany.

30 Ary dia toy izany, tamin' izany fotoam-^apanambinana izany, no tsy mba nandroahany izay ^bnitanjaka, na izay noana, na izay nangetaheta, na izay marary, na izay tsy nihinana; ary tsy mba nanankina ny fony tamin' ny harena izy; noho izany izy dia

24a Eks. 32:33;
Môsià 26:36;
Almà 6:3.
TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
^b Almà 46:7.

TSM Apôstazia.
25a TSM Faharetana.
26a Môsià 18:24, 26;
27:3–5.
^b Môsià 4:27; F&F 10:4.
27a TSM Fiantrana.

^b Lio. 18:22; Môsià 4:26;
F&F 42:29–31.
29a TSM Harena.
^b Almà 4:6.
30a Jakôba 2:17–19.
^b TSM Mahantra.

nalala-tanana tamin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olona afaka, na lahy na vavy, na olona ivelan' ny fiangonana, na ao anatin' ny fiangonana, tsy "nanavakavaka olona tamin' ireo izay fadira-novana.

31 Ary dia toy izany no niroboroboany sy nahatonga azy nanan-karena lavitra noho ireo izay tsy isan' ny fiangonany.

32 Fa ireo izay tsy isan' ny fiangonany kosa dia nanaram-po tamin' ny famosaviana sy ny "fanompoan-tsampy na ^bhaka-moana ary ny "fifosana sy ny "fitsiriritana ary ny fifandirana; nitondra fitafiana lafo vidy tokoa; fa 'nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny masonry ihany; nanenjika, nandainga, nangalatra, nandroba, nijangajanga, namono olona ary ny fomban' ny faharatsiana rehetra; na dia teo aza izany, ny lalàna dia nampiharina araka izay tratra tamin' ireo rehetra izay nandika izany.

33 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fampiharana toy izany ny lalàna taminy, ka ny tsirairay dia niaritra araka izay efa vitany avy, dia lasa bonaika kokoa izy ary tsy sahy nanao ratsy fandrao dia ho fantatra izany; noho izany dia nisy fandriampahalemana be teo anivon' ny vahoakan' i Nefia mandra-pahatongan' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 2

Nikatsaka ny ho mpanjaka i Amlisia ary nolavin' ny feon' ny vahoaka — Nanangana azy ho mpanjaka ny mpanara-dia azy — Namaky ady tamin' ny Nefita ny Amlisita ary resy — Nanambatra ny heriny ny Lamanita sy ny Amlisita ary resy — Novonoin' i Almà i Amlisia. Tokony ho 87 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahadimin' ny fitondrany, dia nanomboka nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka; fa nisy izany lehilahy iray nantsoina hoe Amlisia izany; lehilahy tena fetsy izy, eny, lehilahy hendry, raha ny fahendren' izao tontolo izao, ary araka ny lamin' ilay lehilahy izay namono an' i "Gideôna tamin-tsabatra, izay efa novonoina ho faty araka ny lalàna —

2 Ankehitriny io Amlisia io, noho ny hafetseny, dia efa nahataona olona betsaka hanaraka azy; be loatra aza ka nanomboka ho tena natanjaka izy ireo; ary nanomboka niezaka izy ireo ny hanangana an' i Amlisia ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka.

3 Ankehitriny dia nampivadi-po ny vahoakan' ny fiangonana izany, ary koa ireo izay tsy mba voataonan' ny fandresen-dahatr' i Amlisia; satria fantany fa araka ny lalàna teo aminy, ny zavatra

30d Almà 16:14;
F&F 1:35.

32a TSM Fanompoan-tsampy.

^b TSM Midonana-poana.
^d TSM Fitenenan-dratsy.
^e TSM Mialona.
^f Jakôba 2:13;

Almà 31:25;
Môrm. 8:28.
TSM Fiavonavonana.
2 1a Almà 1:8.

toy izany dia tsy maintsy aorin' ny "feon' ny vahoaka.

4 Noho izany, raha toa ka mety ho vitan' i Amlisia ny fahazoana ny feon' ny vahoaka, izy, araka ny maha-olon-dratsy azy, dia "hanaisotra aminy ny zony sy ny tombontsoany ao amin' ny fiangonana; satria ny fikasany dia ny handrava ny fiangonan' Andriamanitra.

5 Ary ny zava-nitranga dia niara-nivory nanerana ny tany manontolo ny vahoaka, ny olona tsirairay dia samy araka ny sainy avy, na izy mpomba an' i Amlisia, na izy mpanohitra azy, tamina antoko nisaratsaraka, noho ny fisian' ny fifamaliana sy ny "fifandirana nampitolagaga teo amin' izy samy izy.

6 Ary dia toy izany no niaraha-ny nivory mba haneho ny heviny momba ity toe-draharaha ity; ary izany dia natao teo anatrehan' ny mpitsara.

7 Ary ny zava-nitranga dia nanohitra an' i Amlisia ny feon' ny vahoaka, ka tsy natao mpanjaka teo amin' ny vahoaka izy.

8 Ankehitriny, dia niteraka fifaliana be tao am-pon' ireo izay nanohitra azy izany; fa i Amlisia kosa dia namoky ireo mpomba azy mba ho tezitra amin' ireo izay tsy mpomba azy.

9 Ary ny zava-nitranga dia niara-nifamory ireo ka nanokana an' i Amlisia ho mpanjakany.

10 Ankehitriny rehefa voahosotra ho mpanjakany i Amlisia,

izy kosa dia nandidy azy ireo handraisany fiadiana hanohitra ny rahalahiny; ary izany no nataony dia ny mba hahazoany mampanaiky ireo ho azy.

11 Ankehitriny ny olon' i Amlisia dia navahana araka ny anaran' i Amlisia ka nantsoina hoe "Amlisita; ary ny sisa kosa dia nantsoina hoe "Nefita, na ny vahoakan' Andriamanitra.

12 Koa, nahalala ny fikasan' ny Amlisita ny vahoakan' ny Nefita, noho izany izy dia nio-mana ny hifanehitra aminy; eny, nampirongo fiadiana ny tenany ihany izy tamin' ny sabatra sy tamin' ny simetera, ary tamin' ny tsipika sy tamin' ny zana-tsipika, ary tamin' ny vato sy tamin' ny antsamotady, ary tamin' ny "fitaovam-piadiana isan-karazany rehetra.

13 Ary dia toy izany no nio-manany hifanehitra amin' ny Amlisita amin' ny fotoana hia-viany. Ary nisy ny fanendrena kapiteny sy kapiteny ambony ary lohan' ny kapiteny, araka ny isany.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampirongo fiadiana ny olony tamin' ny fitaovam-piadiana isan-karazany rehetra i Amlisia; ary nanendry koa mpanapaka sy mpitondra teo amin' ny olony izy hitondra azy amin' ny ady amin' ny rahalahiny.

15 Ary ny zava-nitranga dia niakatra teo amin' ny havoan' i Amniho ny Amlisita, izay atsi-

3a Môsià 29:25–27;

Almà 4:16.

4a Almà 10:19;

Hel. 5:2.

5a 3 Ne. 11:29.

11a Almà 3:4.

b Jakôba 1:13–14;

Môsià 25:12;

Almà 3:11.

12a Môsià 10:8;

Hel. 1:14.

nanan' ny "renirano Sidôna, izay nikoriana teo akaikin' ny ^btanin' i Zarahemlà, ary teo izy no nanomboka namaky ady tamin' ny Nefita.

16 Ankehitriny dia i Almà no "lohan' ny mpitsara sady governoran' ny vahoakan' i Nefia, noho izany izy dia nandeha niakatra niaraka tamin' ny vahoakany, eny, niaraka tamin' ny kapiteniny sy ny lohan' ny kapiteny, eny, nialoha lâlana ny miaramilany hiady amin' ny Amlisita.

17 Ary nanomboka nandripaka ny Amlisita teo amin' ny havoana atsinanan' i Sidôna izy ireo. Ary ny Amlisita dia nifanandriana tamin' ny Nefita tamin' ny tanjaka be, hany ka maro tamin' ny Nefita no lavo teo anoloan' ny Amlisita.

18 Kanefa nampahahery ny tanaan' ny Nefita ny Tompo, hany ka naripany tamin' ny fandripahana be ny Amlisita, ka nanomboka nandositra teo anoloany izy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga, dia nanenjika ny Amlisita nandritra ny manontolo andro ny Nefita ary nandripaka azy tamin' ny fandripahana be, hany ka nisy roa amby telopolo sy dimanjato sy roa arivo sy iray alina no "voaripaka tamin' ny Amlisita; ary nisy roa amby enimpolo sy dimanjato sy enina arivo kosa no voaripaka tamin' ny Nefita.

20 Ary ny zava-nitranga rehefa tsy afaka nanenjika ny Amlisita

intsony i Almà, dia nasainy nanangana ny lainy tao an-"dohasahan' i Gideôna ny vahoakany; nantsoina hoe Gideôna ny lohasaha araka ny anaran' ilay lehilahy novonoin' ny tanan' i ^bNehôra tamin-tsabatra; ary tao amin' izany lohasaha izany ny Nefita no nanangana ny lainy nony alina.

21 Ary nandefa mpitsikilo hanara-dia ireo Amlisita sisa i Almà mba hahazoany mahafantatra ny tetik' adiny sy ny fiokony, mba hahazoany miaro tena aminy, mba hahazoany mitsimbina ny vahoakany tsy ho fongotra.

22 Ankehitriny ireo izay nalefany hitily ny tobin' ny Amlisita dia nantsoina hoe i Zerama sy i Amnôra ary i Mantia sy i Lime-ra; ireo no ireo izay nandeha niaraka tamin' ny olony mba hitily ny tobin' ny Amlisita.

23 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia niverina tany antobin' ny Nefita izy ireo, niolomay be sady talanjona fatratra tokoa no nozoin' ny tahotra be, nanao hoe:

24 Indro, narahinay ny tobin' ny "Amlisita, ary akory ny hagamay, tany an-tanin' i Minôna, avaratry ny tanin' i Zarahemlà, tamin' ny lâlana mankany antanin' i ^bNefia, raha nahita miaramila Lamanita maro; ary indro fa efa nitambatra taminy ny Amlisita;

25 Ary eo am-panafihana ny rahalahintsika ao amin' izany tany izany izy ireo, ary mando-

15a Almà 3:3.
b Ômnia 1:13–15.
16a Môsià 29:42.

19a Almà 3:1–2, 26; 4:2.
20a Almà 6:7.
b Almà 1:7–15; 14:16.

24a Almà 3:4, 13–18.
b 2 Ne. 5:8.

sitra eo anoloany izy miaraka amin' ny biby fiompiny sy ny vady aman-janany mankaty amin' ny tanàntsika; ary raha tsy miolomay isika dia hanjakany ny tanànantsika ary ho voaringana ny raintsika sy ny vadintsika ary ny zanatsika.

26 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny vahoakan' i Nefia ny lainy ary niainga izy nandao ny lohasahan' i Gideôna nankany an-tanànanany, dia ny tanànan' i "Zarahemlà.

27 Ary indro, raha mbola teo am-pitana ny onin' i Sidôna izy, ny Lamanita sy ny Amlisita "maro, efa mila hitovy amin' ireny fasi-dranomasina ireny, dia nanatratra azy mba hamongotra azy.

28 Na dia teo aza izany, dia "nampaherezin' ny tanaan' ny Tompo ny Nefita, rehefa nahe-ry nivavaka Taminy tokoa mba hanafahany azy hiala eo an-tan- nan' ny fahavalony, koa ny Tompo dia nihaino ny fitalahoany sy nampahery azy, ary ny Lamanita sy ny Amlisita dia lavo teo anoloany.

29 Ary ny zava-nitranga dia niady nifanatrika tamin-tsabatra tamin' i Amlisia i Almà ary nifanandrina mafy tokoa ny an-daniny sy ny ankilany.

30 Ary ny zava-nitranga amin' ny maha-olon' Andriamanitra an' i Almà, rehefa nentanin' ny "finoana be izy, dia nihiaka, nanao hoe: Tompo ô, mamindra fo ary tsimbino ny aiko hahatonga ahy ho fitaovana eo an-tananao

hamonjena sy hitehirizana ity vahoaka ity.

31 Ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nifanandrina indray tamin' i Amlisia izy; ary nampaherezina izy, hany ka namono an' i Amlisia tamin-tsabatra.

32 Ary niady tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita koa izy; saingy nitsoaka nandositra teo anoloan' i Almà ny mpanjakan' ny Lamanita, ary nandefa ny mpiambina azy hiady amin' i Almà.

33 Fa i Almà mbamin' ny mpiambina azy dia nifanandrina tamin' ny mpiambin' ny mpanjakan' ny Lamanita mandra-pamonoany ka nanosehany azy hiverin-dalana.

34 Ary dia toy izany no nana-diovany ny faritra, na ny mari-marina kokoa ny morona izay tamin' ny ilany andrefan' ny renirano Sidôna, sy nanipazany ny vatan' ny Lamanita izay efa voavono tao amin' ny ranon' i Sidôna, ka amin' izay ny vahoakany dia hanana toerana malalaka hiampitana ary hifamelezana amin' ny Lamanita sy ny Amlisita amin' ny ilany andrefan' ny renirano Sidôna.

35 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niampita ny renirano Sidôna izy rehetra, dia nanomboka nandositra teo anoloany ny Lamanita sy ny Amlisita, na dia maro loatra aza izy ireo ka tsy ary ho voaisa.

36 Ary nandositra teo anoloan' ny Nefita izy ireo nankany

an-tany foana izay tao andrefana sy avaratra lavitra, ivelan' ny sisin-tany; ary ny Nefita dia nanenjika azy ireo tamin' ny heriny sy namono azy ireo.

37 Eny, voatsena hatrany izy ireo tamin' ny toerana rehetra ary voavono sy voatosika mandra-pielezany tany andrefana sy tany avaratra, mandra-pahatrarany ny tany foana izay nantsoina hoe Hermaontsa; ary izany dia tany amin' ny faritry ny tany foana izay nanjakan' ny bibidia sy ny mpihaza.

38 Ary ny zava-nitranga dia maro no maty tany an-tany foana noho ny ratrany sy nohanin' ireo bibidia ary koa ny voltoran' ny habakabaka; ary hita ny taolany ary efa nivangongo tamin' ny tany izany.

TOKO 3

Efa nanisy marika ny tenany ny Amlisita araka ny teny faminanihana —Efa nozonina ny Lamanita noho ny fikomiany—Ny olona ihany no nahatonga ny ozona hianjera amin' ny tenany—Nandresy miaramila Lamanita hafa ny Nefita. Tokony ho 87–86 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia ny Nefita izay tsy "voaringana tamin' ny fitaovam-piadiana, rehefa avy nandevina ireo izay efa voaringana —ankehitryny ny isan' ireo voaringana dia tsy nisaina noho ny habetsahan'

ny isany —rehefa nahavita ny fandevenana ny maty teo aminy izy, dia niverina tany amin' ny taniny sy tany amin' ny tranony ary ny vadiny sy ny zanany izy rehetra.

2 Ankehitryny dia maro ny vehivavy sy ny ankizy no efa voaringana tamin-tsabatra, ary toraka izany koa ny maro tamin' ny biby fiompiny; ary maro koa ireo tanimboliny namafazana no rava, fa voahosihosin' ny andiana miaramila izany.

3 Ary ankehitryny, rehefa mety ho Lamanita sy Amlisita izay voavono teo amoron' ny renirano Sidôna, dia natsipy tao amin' ny "ranon' i Sidôna; ary indro ny taolany dia any anaty ^branomasina lalina, ary maro izany.

4 Ary niavaka tamin' ny Nefita ny "Amlisita, satria efa ^bnasiany marika mena ny handriny araka ny fanaon' ny Lamanita; kanefa dia tsy mba nokakasany toy ny an' ny Lamanita ny lohany.

5 Ankehitryny dia nokakasana ny lohan' ny Lamanita; ary "nihanjaka izy ankoatra ny hodi-biby izay nasikiny ny valahany, ary koa ny fiadiany izay nasikiny ny tenany, dia ny tsipikany sy ny zana-tsipikany ary ny vatony sy ny antsamotadiny, sy ny sisa.

6 Ary matroka ny fihodiran' ny Lamanita, araka ny marika izay naraikitra tamin' ny razany, dia "ozona izay nianjera taminy noho ny fandikany lalàna sy ny fikomiany tamin' ireo rahalahi-

3 1a Almà 2:19; 4:2.

3a Almà 2:15.

b Almà 44:22.

4a Almà 2:11.

b Almà 3:13–19.

5a Enôsa 1:20;

Môsià 10:8;

Almà 42:18–21.

6a 2 Ne. 5:21; 26:33.

TSM Ozona.

ny izay nahitana an' i Nefia, i Jakôba sy i Jôsefa ary i Samy, izay olona mahitsy fo sy masina.

7 Ary nikatsaka ny hamongotra azy ireo ny rahalahiny, noho izany dia voaozona izy; ary nanisy "marika tamin' ny Tompo Andriamanitra, eny, dia tamin' i Lamàna sy Lemoela ary koa tamin' ny zanakalahin' i Ismaela sy tamin' ny vehivavy Ismaelita.

8 Ary izany no natao dia ny mba hahazoana manavaka ny taranany amin' ny taranaky ny rahalahiny, fa amin' izany no hahazoan' ny Tompo Andriamanitra mitahiry ny olony mba tsy hahazoany "miharoharo sy tsy hinoany ^bfomban-drazana diso, izay hiafara amin' ny fandranganana azy.

9 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no nampiharoharo ny taranany tamin' ny an' ny Lamanita, dia nampitondra ny taranany izany ozona izany koa.

10 Koa na zovy na zovy no namela ny tenany ho voatariky ny Lamanita, dia nantsoina tamin' izany anarana izany izy, ary nisy marika nitoetra tamin' ny.

11 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy nino ny "fomban-drazana Lamanita, fa nino kosa ny rakitsoratra izay nentina niala ny tanin' i Jerosalema ary koa ny fomban-drazany izay marina, izay nino ny didin' Andriamanitra ary nitandrana izany dia nantsoina hoe Nefita,

na ny vahoakan' i Nefia hatramin' izay fotoana izay —

12 Ary ireo no efa nitahiry ny rakitsoratra izay "marina mikasika ny vahoakany ary koa mikasika ny vahoakan' ny Lamanita.

13 Ankehitriny dia iverenan-tsika indray ny Amlisita, satria efa nanana "marika nipetaka tamin' ny tenany koa izy; eny, izy no nanisy ny marika tamin' ny tenany, eny, dia ny marika mena tamin' ny handriny.

14 Dia tanteraka araka izany ny tenin' Andriamanitra, satria izao no teny izay nataony tamin' i Nefia: Indro, ny Lamanita dia efa nozoniko, ary hasiako marika aminy, ka izy sy ny taranany dia ho azo sarahina aminao sy ny taranakao, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay, raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiany izy ary "mitodika Amiko mba hamindrako fo aminy.

15 Ary koa; Izaho hanisy marika amin' izay nampiharoharo ny taranany amin' ny rahalahinao mba ho voaozona koa izy.

16 Ary koa: Izaho hanisy marika amin' izay miady aminao sy ny taranakao.

17 Ary koa: Izaho dia milaza fa izay miala aminao dia tsy hantsoina intsony hoe taranakao; ary Izaho hitahy anao sy izay hantsoina hoe taranakao, hatramin' izao ka ho mandrakizay; ary ireo no fampanante-

7a 1 Ne. 12:23.

8a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian' ny
samy hafa finoana.

b Môsià 10:11-18;

Almà 9:16.

11a Almà 17:9-11.

12a Môsià 1:6;

Etera 4:6-11.

13a Almà 3:4.

14a 2 Ne. 30:4-6.

nan' ny Tompo an' i Nefia sy ny taranany.

18 Ankehitriny dia tsy nahalala ny Amlisita fa teo am-panatanterahana ny tenin' Andriamanitra izy raha nanomboka nanisy marika ny tenany tamin' ny handriny; na dia teo aza izany dia efa "nikomy an-kitsirano tamin' Andriamanitra izy; koa rariny ny hianjeran' ny ozona aminy.

19 Ankehitriny dia maniry aho ny hahitanareo fa izy ihany no nahatonga ny "ozona tamin' ny tenany; ary toraka izany koa ny olona tsirairay izay voaozona dia mampitondra fanamelohana ny tenany ihany izy.

20 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa afaka andro vitsivitsy taorian' ny ady izay nifanaovan' ny Lamanita sy ny Amlisita tao an-tanin' i Zarahemlà, dia nisy miaramila Lamanita hafa tonga hifanandrana amin' ny vahoakan' i Nefia teo amin' io "toerana io ihany, izay efa nifandonan' ny miaramila voalohany tamin' ny Amlisita.

21 Ary ny zava-nitranga dia nisy miaramila nalefa hanosika azy hiala amin' ny taniny.

22 Ankehitriny noho ny tanan' i Almà nitondra "ratra dia tsy nandeha niakatra hiady tamin' ny Lamanita izy tamin' ity indray maka ity;

23 Fa nandefa miaramila maro kosa izy hanohitra azy; ary nandeha niakatra ireo sy nandripaka ny maro tamin' ny Lamanita

ary nanosika ny sisa tavela tamin' hiala ny sisin-taniny.

24 Ary taorian' izany dia nody indray ireo ka nanomboka nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny tany, rehefa tsy notabatabain' ny fahavalony intsony nandritra ny fotoana fohy.

25 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo dia nitranga, eny, ireo ady sy fifandirana rehetra ireo dia nanomboka sy nifarana tamin' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

26 Ary tao anatin' ny herintao-na dia an' arivony sy an' aliny ny fanahy nalefa tany amin' ny tontolon' ny mandrakizay mba hahazoany mioty ny "tambiny araka ny asany avy, na tsara izany na ratsy mba hiotazany fahasambara mandrakizay na fijaliana mandrakizay, araka ny fanahy izay nofinidiny hankatoavina, na fanahy tsara izany na ratsy.

27 Fa mandray "karama amin' izay nofinidiny hankatoavina ny olona tsirairay, ary izany dia araka ny tenin' ny fanahin' ny faminaniana; koa aoka mba ho araka ny fahamarinana izany. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 4

Nanao batisa ireo niova fo an' arivony i Almà — Niditra ny fiangonana

18a 4 Ne. 1:38.
TSM Fikomiana.
19a 2 Ne. 5:21–25;
Almà 17:15.

20a Almà 2:24.
22a Almà 2:29–33.
26a TSM Asa.
27a Môsià 2:31–33;

Almà 5:41–42.
b Roma. 6:16;
Hel. 14:29–31.
TSM Mankatò.

ny heloka, ary dia voasakantsakana ny fandrosoan' ny fiangonana — Voatendry ho lohan' ny mpitsara i Nefihà — Nanokan-tena ho amin' ny asa fanompoana i Almà araka ny maha-mpisorona avo azy. Tokony ho 86-83 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenin' ny fitondran' ny mpitsara ny vahoakan' i Nefia, dia tsy nisy fifandirana na ady teo amin' ny "tanin' i Zarahemlà;

2 Saingy ory ny vahoaka, eny, ory be tokoa noho ny "famoizana ireo rahalahiny, ary koa noho ny famoizana ny biby fiompiny, ary koa noho ny famoizana ny tanimboliny, izay nohosihosen' ny tongotra sy noravan' ny Lamanita.

3 Ary lehibe loatra ny fahoriany ka ny tsirairay avy dia samy nanana izay antony nampisaona azy; ary nino izy fa niantefa tamin' ny famalian' Andriamanitra noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany; koa nofohazina ho amin' ny fahatsiarovana ny adidiny izy.

4 Ary nanomboka nampiorina ny fiangonana ho amin' ny fahafenoany kokoa izy; eny, ary maro no natao "batisa tao amin' ny ranon' i Sidôna ka nikambana tamin' ny fiangonan' Andriamanitra; eny, natao batisa tamin' ny tanan' i Almà ireny, izay efa nohamasinina ho "mpisorona avo teo amin' ny vahoakan' ny

fiangonana tamin' ny tanan' i Almà rainy.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafiton' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy olona sahabo ho dimanjato sy telo arivo izay nikambana tamin' ny "fiangonan' Andriamanitra ary vita batisa. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafiton' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary nisy fandriampahalemana lalandava nandritra izany fotoana rehetra izany.

6 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nanomboka niavonavona ny vahoakan' ny fiangonana noho ny "hareny nihoa-pampana sy ny "lamba landiny kanto sy ny hariry fotsiny madinika, ary noho ny biby fiompiny sy ny volamenany ary ny volafotsiny sy ny zava-tsoa isan-karazany rehetra, izay efa azony noho ny taozavany; ary tamin' ireo zavatra rehetra ireo izy no nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny masony, fa nanomboka nitondra fitafiana tena lafo vidy tokoa izy.

7 Ankehitriny dia izany no antony nampahory fatratra an' i Almà, eny, sy ny maro tamin' ny olona izay efa "nohamasinin' i Almà ho mpampianatra sy mpisorona ary loholona tamin' ny fiangonana; eny, maro tamin' ny nalahelo mafy tokoa noho ny faharatsian-toetra izay hitany

4 1a Ômnia 1:12-19.

2a Almà 2:19; 3:1-2, 26.

4a Môsià 18:10-17.

b Môsià 29:42.

5a Môsià 25:18-23;

3 Ne. 26:21.

6a TSM Harena.

b Almà 1:29.

7a TSM Fahefana.

fa efa nanomboka nisy teo anivon' ny olony.

8 Fa nahita sy nahatsikaritra tamin' ny alahelo lehibe ireo fa ny olon' ny fiangonana dia nanomboka nanandra-tena tao amin' ny "avonavon' ny masonry, ary nametraka ny fony tamin' ny harena sy tamin' ny zava-poa-nan' izao tontolo izao, fa nanomboka nifanebaka izy samy izy sy nanomboka nanenjika ireo izay ^btsy nino araka ny sitrapony sy ny safidiny.

9 Ary dia toy izany, tamin' ity taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara ity, no nanomboka nisian' ny "fifandirana be teo anivon' ny olon' ny fiangonana; eny, nisy ^bfitsiriritana sy adilahy ary hasomparana sy fanenjehana ary avonavona, izay nanoatra noho ny avonavon' ireo izay tsy isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

10 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara; ary ny faharatsian' ny fiangonana dia vato fahatafintohinana lehibe ho an' ireo izay tsy isan' ny fiangonana; ary araka izany, dia nanomboka tsy nahomby ny fiangonana tamin' ny fandrosoany.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy dia nahita ny faharatsian' ny fiangonana i Almà, ary nahita koa izy fa ny "ohatry ny fiango-

nana dia nanomboka nitarika ireo izay tsy mpino hiala amin' ny heloka iray hankamin' ny iray hafa, ary nitondra faharavana ho an' ny vahoaka izany.

12 Eny, nahita tsy fitoviana lehibe teo anivon' ny olona izy, fa nanandra-tena tao amin' ny avonavony ny sasany, ka nanamavo ny hafa, nanosi-bohon-tanana ny "mahantra sy ny mitanjaka, ary ireo izay ^bnoana sy ireo izay mangetaheta, ary ireo izay marray sy ory.

13 Ankehitriny izany dia anton' ny fitarainana lehibe teo anivon' ny vahoaka, fa nanetry tena kosa ny sasany, nanampy ireo izay mila ny fanampiany, toy ny "fizarana ny fananany amin' ny mahantra sy ny sahirana, ny famahanana ny noana ary ny fiaretana ny karazam-^bpijaliana rehetra noho ny "amin' i Kristy, izay tsy maintsy ho avy araka ny fanahin' ny faminaniana;

14 Ka niandrandra izany andro izany, fa izany no "hitanana ny famelana ny fahotany; rehefa heniky ny ^bfifaliana be noho ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, araka ny sitrapo sy ny hery ary ny fanafahan' i Jesoa Kristy amin' ny famatoran' ny fahafatesana.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa nahita ny fahorian' ireo mpanara-dia an' Andriamanitra izay nanetry tena i Almà sy ny fanenjehana izay

8a TSM Fiavonavonana;
Zava-poana.

b Almà 1:21.

9a TSM Fifandirana.

b TSM Mialona.

11a 2 Sam. 12:14;

Almà 39:11.

12a Isa. 3:14;

Jakôba 2:17.

b Môsià 4:26.

13a TSM Fiantrana.

b TSM Fahoriana.

d 2 Kor. 12:10.

14a Môsià 4:12;

Almà 5:26-35.

TSM Manamarina.

b TSM Fifaliana.

navangongon' ny vahoakany sisa taminy, ary rehefa nahita ny "tsy fitoviany rehetra, dia nanomboka ho tena nalahelo toka izy; na dia teo aza izany, dia tsy nahafoy azy ny Fanahin' ny Tompo.

16 Ary nifidy olon-kendry iray izay isan' ny loholon' ny fiangonana izy ary nanome azy fahefana araka ny "feon' ny vahoaka mba hahazoany manana fahefana hanao ^blalàna araka ny lalàna izay efa nomena, ary hampihatra izany araka ny faharatsiana sy ny heloky ny olona.

17 Ankehitriny ny anaran' izany lehilahy izany dia i Nefihà, ary notendrena ho "lohan' ny mpitsara izy; ary nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana izy mba hitsara sy hifehy ny vahoaka.

18 Ankehitriny dia tsy nanolotra azy ny asan' ny mpisorona avo amin' ny fiangonana i Almà, fa notanany ho an' ny tenany kosa ny asan' ny mpisorona avo; fa natolony an' i Nefihà kosa ny toeram-pitsarana.

19 Ary izany no nataony dia ny mba hahazoan' ny "tenany mandeha any anivon' ny vahoakany, na any anivon' ny vahoakan' i Nefia, ka hahazoany mitoray aminy ny ^btenin' Andriamanitra, mba "hanairana azy ho amin' ny "fahatsiarovana ny adidiny sy mba hahazoany mandrodana amin' ny alalan' ny tenin' An-

driamanitra ny avonavona sy ny fitaka rehetra ary ny fifandirana rehetra, izay nisy teo anivon' ny olony, noho ny tsy fahitany lalan-kafa hahazoany manitsy azy raha tsy ny filofosana amin' ny ^ffanambarana tsisy tsiny hanoherana azy.

20 Ary dia toy izany, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasiavin' ny fitondran' ny mpitsara ny vahoakan' i Nefia, no nanoloran' i Almà an' i "Nefihà ny toeram-pitsarana ary nanokanany ny tenany manontolo ho an' ny ^bfisoronana avo araka ny lamina masin' Andriamanitra, ho vavolombelon' ny teny araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminaniana.

Ny teny izay nataon' i Almà, Mpisorona Avo araka ny lamina masin' Andriamanitra, tamin' ny vahoaka tany amin' ireo tanànany sy vohiny nanerana ny tany.

Mahafaoka ny toko 5.

TOKO 5

Mba hahazoana ny famonjena, ny olona dia tsy maintsy mibebaka sy mitandrina ny didy, ateraka indray, manadio ny fitafiany amin' ny ran' i Kristy, manetry tena, ary manaisotra ny avonavona sy ny fitsiriritana hiala amin' ny tenany, ary manao

15a F&F 38:27; 49:20.

16a Almà 2:3–7.

^b Almà 1:1, 14, 18.

17a Almà 50:37.

19a Almà 7:1.

^b Almà 31:5;

F&F 11:21–22.

^d Enôsa 1:23.

^e Môsia 1:17; Hel. 12:3.

^f TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

20a Almà 8:12.

^b Môsia 29:42;

Almà 5:3, 44, 49.

ny asan' ny fahamarinana — Mian-tso ny olony ny mpiandry ondry tsara — Ireo izay manao ny asa ratsy no zanaky ny devoly — Nanambara ny amin' ny fahamarinan' ny fam-pianaranany i Almà sady nandidy ny olona hibe-baka — Hosoratana ao amin' ny bokin' ny fiainana ny anaran' ny marina. Tokony ho 83 talohan' i j.k.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia nanomboka "nitory ny tenin' ^bAndriamanitra tamin' ny vahoaka i Almà, voalohany dia tao amin' ny tanin' i Zarahemlà ary avy eo dia nanerana ny tany manontolo.

2 Ary izao no teny izay nola-zainy ny olona tao amin' ny fiangonana izay niorina tao antanànan' i Zarahemlà, araka ny rakitsorany ihany, manao hoe:

3 Izaho Almà, rehefa "nohamasinin' i Almà raiko ho ^bmpisoro-na avo ao amin' ny fiangonan' Andriamanitra, noho izy nan-dray ny hery sy ny ^dfahefana avy tamin' Andriamanitra hanatontosa ireo zavatra ireo, dia indro, lazaiko aminareo fa nanomboka nanorina fiangonana iray tao amin' ny "tany izay tao amin' ny sisin-tanin' i Nefia izy; eny, tao amin' ny tany izay nantsoina hoe ny tanin' i Môrmô-na; eny, ary nataony batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna ireo rahalahiny.

4 Ary indro, lazaiko aminareo

fa "nafahana hiala teo an-tanan' ny olon' i Noà mpanjaka izy ireo, noho ny famindram-po sy ny herin' Andriamanitra.

5 Ary indro, taorian' izany, dia nentin' ny tanan' ny Lamanita ho "andevo tany an-tany foana izy ireo; eny, lazaiko aminareo fa tao anatin' ny fahababoana izy ireo, ary ny Tompo dia nanafaka azy ireo indray hiala tamin' ny ^bfahababoana tamin' ny herin' ny teniny; ary nentina nankamin' ity tany ity isika, ary teto isika no nanomboka nanorina ny fiangonan' Andriamanitra eran' ity tany ity koa.

6 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminareo ry rahalahiko, ianareo izay isan' ity fiangonana ity, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana ny fambaboana ny razanareo? Eny, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana ny famindram-pony sy ny faharipony taminy? Ary ankoatra izany, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana fa Izy dia efa nanafaka ny fanahiny tamin' ny helo?

7 Indro Izy dia nanova ny fon' izy ireo; eny, namoha azy ireo tamin' ny torimaso lalina, ary dia nifoha ho an' Andriamanitra izy ireo. Indro tao afovoan' ny haizina izy ireo; na dia teo aza izany, dia nohazavaina tamin' ny fahazavan' ny teny maharitra mandrakizay ny fanahiny; eny, nohodidinin' ny "famatoran' ny

5 1a Almà 4:19.

b Almà 5:61.

3a TSM Manokana.

b Almà 4:4, 18, 20.

d Môsià 18:13;

3 Ne. 11:25.

e Môsià 18:4; 3 Ne. 5:12.

4a Môsià 23:1-3.

5a Môsià 23:37-39;

24:8-15.

b Môsià 24:17.

7a Môsià 15:8.

fahafatesana sy ny ^bgadrán' ny helo izy ireo, ary famongorana maharitra mandrakizay no nian-dry azy ireo.

8 Ary ankehitriny, manontany anareo aho ry rahalahiko, moa va nofongorana izy ireo? Indro, lazaiko aminareo: Tsia, tsy nofongorana izy ireo.

9 Ary manontany indray aho, moa va notapatapahina ny famatoran' ny fahafatesana, ary ny gadran' ny helo izay nana-gadrana azy ireo, moa va novahana izany? Lazaiko aminareo: Eny, novahana izany, ary nira-voravo ny fanahiny sady nihira ny fitiavana manavotra izy ireo. Ary lazaiko aminareo fa voa-vonjy izy ireo.

10 Ary ankehitriny manontany anareo aho, inona no fepetra "amonjena azy ireo? Eny, inona no fiorenana nananany mba hantenanana famonjena? Inona no antony namahana azy ireo tamin' ny famatoran' ny fahafatesana, eny, ary koa tamin' ny gadran' ny helo?

11 Indro, azoko lazaina anareo—moa va i Almà raiko tsy nino ny teny izay niloaky ny vavan' i "Abinadia? Ary moa va izy tsy mpaminany masina? Moa va tsy nolazainy ireo tenin' Andriamanitra, ary nino ireny i Almà raiko?

12 Ary araka ny finoany, dia

nisy "fiovana mahery vaika nitranga tao am-pony. Indro lazaiko aminareo fa marina avokoa izany.

13 Ary indro, "notorianty tamin' ny razanareo ny teny, ary fiovana mahery vaika no nitranga koa tao am-pony, ary nanetry tena izy ireo ary nametraka ny ^bfitokianty tamin' ilay Andriamanitra marina sady "velona. Ary indro, nahatoky hatramin' ny "farany izy ireo; noho izany dia novonjena izy ireo.

14 Ary ankehitriny, indro manontany anareo aho ry rahalahiko ao amin' ny fiangonana, efa "naterak' Andriamanitra araka ny fanahy ve ianareo? Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin' ny tarehinareo? Efa nahatsapa izany ^bfiovana mahery vaika izany tao am-ponareo va ianareo?

15 Moa ampiasainareo va ny finoana ny fanavotan' ilay "nahary anareo? Moa va ianareo miandrandra amin' ny masompinoana ary mahita ity vatana mety maty ity atsangana ao amin' ny tsy fahafatesana sy ity fahalòvana ity ^batsangana ao amin' ny tsy fahalòvana ka hijoro eo anoloan' Andriamanitra mba "hotsaraina araka ny asa izay efa vitan' ny vatana mety maty?

16 Lazaiko aminareo, moa azon' ny tenanareo saintsainina

7b Almà 12:11;
F&F 138:23.
10a TSM Famonjena;
Drafitry ny
Fanavotana.
11a Môsià 17:1–4.
12a TSM Fiovam-po.
13a Môsià 18:7.

b TSM Matoky.
d Môrm. 9:28;
F&F 20:19.
e TSM Maharitra.
14a Môsià 27:24–27;
Almà 22:15.
TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

b Roma. 8:11–17;
Môsià 5:2; Mos. 6:65.
TSM Fiovam-po.
15a TSM Fahariana.
b TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.
d TSM Fitsarana
Farany, Ny.

ve fa handre ny feon' ny Tompo ianareo amin' izany andro izany, manao aminareo hoe: Mankanesa atỳ Amiko ianareo "notahiana, satria indro ny asanareo dia efa asan' ny fahamarinana teny ambonin' ny tany?

17 Sa moa va mihevitra ny tenanareo fa afaka mandainga amin' ny Tompo ianareo amin' izany andro izany, ary "hanao hoe—Tomo ô, ny asanay dia asa marina teny ambonin' ny tany—ary dia hamonjy anareo Izy?

18 Sa, raha tsy izany, moa azo-nareo sary an-tsaina va ny tenanareo entina eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra miaraka amin' ny fanahinareo feno hadisoana sy nenina noho ny "fahatsiarovana ny hadisoanareo rehetra, eny, fahatsiarovana tanteraka ny faharatsianareo rehetra, eny, fahatsiarovana fa efa nihantsy ny didin' Andriamanitra ianareo?

19 Lazaiko aminareo, moa va ho afaka hiandrindra an' Andriamanitra ianareo amin' izany andro izany amin' ny fo mahitsy sy ny tanana madio? Lazaiko aminareo, moa va ho afaka hiandrindra ianareo rehefa nana ny "endrik' Andriamanitra voasokitra teo amin' ny tarehinareo?

20 Lazaiko aminareo, moa azo-nareo eritreretina va ny hamonjena anareo, rehefa navelanareo

ny tenanareo ho zary "olom-pehezin' ny devoly?

21 Lazaiko aminareo, ho fantatrareo amin' izany andro izany fa tsy azo "vonjena ianareo; fa tsy misy olona azo vonjena raha tsy efa fotsiana ny ^bfitafiany; eny, tsy maintsy ^ddiovina ny fitafiany mandra-panadio ny pentina rehetra amin' ny ran' ilay efa nolazain' ny razantsika, izay ho avy hanavotra ny olony amin' ny fahotany.

22 Ary ankehitriny, manontany anareo aho ry rahalahiko, inona no ho tsapanareo raha mijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra ianareo, mitondra fitafiana mihosin-^adra sy ny karazany rehetra amin' ny ^bfahalotoana? Indro, inona no hambaran' ireny zavatra ireny hanoherana anareo?

23 Indro, tsy "hambaran' ireny va fa ianareo dia mpamono olona, eny, ary koa fa ianareo dia meloka amin' ny karazam-paharatsiana rehetra?

24 Indro ry rahalahiko, moa heverinareo va fa ny toy izany dia mahazo anjara toerana hipetrahana ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra miaraka amin' i "Abrahama, miaraka amin' i Isaka ary miaraka amin' i Jakoba, ary koa ny mpaminany masina rehetra izay voadio sy tsisy pentina ary tsisy tsiny sy fotsy ny fitafiany?

25 Lazaiko aminareo, Tsia;

16a Mat. 25:31–46.

17a 3 Ne. 14:21–23.

18a Ezek. 20:43;

2 Ne. 9:14; Môsià 3:25;

Almà 11:43.

19a 1 Jn. 3:1–3.

20a Môsià 2:32.

21a TSM Famonjena.

^b 1 Ne. 12:10;

Almà 13:11–13;

3 Ne. 27:19–20.

^d TSM Madio.

22a Isa. 59:3.

^b TSM Fahalotoana.

23a Isa. 59:12.

24a Lio. 13:28.

raha tsy hoe ataonareo ho mpan-dainga hatrany am-piandohana Ilay Mpahary antsika, na raha tsy hoe heverinareo fa mpan-dainga hatrany am-piandohana Izy, dia tsy azonareo saintsainina fa ny toa azy dia mahazo anjara toerana ao amin' ny fanjakan' ny lanitra; fa hariana any ivelany izy, satria "zanaky ny fanjakan' ny devoly.

26 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo ry rahalahiko, fa raha efa nandalo "fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny ^bhiran' ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, "tsapanareo ve izany ankehitriny?

27 Efa nandeha ve ianareo, nitandrina ny tenanareo ho "tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra? Raha toa, hono, ka antsoina ho faty ianareo izao ankehitriny izao, moa va ianareo afaka miteny anakampo fa ampy tokoa ny ^bfanetren-tenanareo? Fa ny fitafianareo dia efa nodiovina sy nofotsiana tamin' ny ran' i Kristy izay ho avy ^dhanavotra ny olony amin' ny fahotany?

28 Indro, efa endahinareo amin' ny tenanareo ve ny "avonavona? Lazaiko aminareo fa raha tsy ataonareo izany, dia tsy miomana ny hihaona amin' Andriamanitra ianareo. Indro, tsy maintsy miomana faingana tokoa ianareo; fa efa akaiky sy antomotra

ny fanjakan' ny lanitra, ary tsy mahazo ny fiainana mandrakizay ny toa azy.

29 Indro, hoy aho, misy anankiray va aminareo izay tsy miendaka amin' ny "fialonana? Lazaiko aminareo fa tsy miomana ny toa azy; ary mba tiako ny hiomanany faingana tokoa fa efa akaiky sy antomotra ny ora, ary tsy mahalala izay hianan' ny fotoana izy; fa ny toa azy dia tsy ho hita tsisy tsiny.

30 Ary lazaiko aminareo indray hoe, misy anankiray va aminareo izay "maneso ny rahalahiny, na izay mampivangongo ny fanenjehana aminy?

31 Lozan' ny toa azy, fa tsy miomana izy, ary efa antomotra ny fotoana izay tsy maintsy ibebahany, raha tsy izany dia tsy azo vonjena izy!

32 Eny, lozanareo rehetra "mpanao heloka; mibebaha, mibebaha, fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany!

33 Indro mandefa fanasana ho an' ny "olona rehetra Izy, fa ny ^bsandrin' ny famindram-po dia mitolotra ho azy, ary hoy Izy: Mibebaha dia handray anareo Aho.

34 Eny, hoy Izy: "Mankanesa atỳ Amiko, ary hihinana amin' ny ^bvoan' ny hazon' aina ianareo; eny, hihinana sy hisotro ^dmaimaimpoana amin' ny ^emofosey ny ranon' aina ianareo;

25a 2 Ne. 9:9.

26a TSM Fiovam-po.

b Almà 26:13.

d Môsià 4:12;

F&F 20:31-34.

27a TSM Manamarina.

b TSM Fanetren-tena.

d TSM Fanavotana.

28a TSM Fiavonavonana.

29a TSM Mialona.

30a TSM Fitenenan-dratsy.

32a Sal. 5:5.

33a Almà 19:36;

3 Ne. 18:25.

b Jakôba 6:5; 3 Ne. 9:14.

34a 2 Ne. 26:24-28;

3 Ne. 9:13-14.

b 1 Ne. 8:11; 15:36.

d 2 Ne. 9:50-51;

Almà 42:27.

e TSM Mofon' Aina.

35 Eny, mankanesa atỳ Amiko ary ataovy ny asan' ny fahamarinana, ary tsy hokapaina sady tsy hatsipy any anatin' ny afo ianareo—

36 Fa indro akaiky ny fotoana, ka na zovy na zovy no “tsy manao voa tsara, na zovy na zovy no tsy manao ny asan' ny fahamarinana, dia manana antony hitomaniana sy hisaonana izy.

37 E ianareo mpanao heloka; ianareo izay mizihitra ao amin' ny “zava-poanan' izao tontolo izao, ianareo izay efa nihambo ho nahalala ny lalan' ny fahamarinana, kanefa dia ^bnaniasia toy ny ^dondry tsy nanana mpiandry, kanefa ilay mpiandry efa ^eniantso anareo sy mbola miantso anareo fa tsy mety ^fmihaino ny feony ianareo!

38 Indro, lazaiko aminareo fa miantso anareo ilay “mpiandry tsara; eny, ary amin' ny anarany ihany no iantsoany anareo, dia ny anaran' i Kristy; ary raha tsy te ^bhihaino ny feon' ilay ^dmpiandry tsara ianareo, na ny ^eanarana izay iantsoana anareo, dia indro, tsy ondrin' ilay mpiandry tsara ianareo.

39 Ary ankehitriny raha tsy ondrin' ilay mpiandry tsara ianareo, avy amin' ny “valan' iza ary

ianareo? Indro, lazaiko aminareo fa ny ^bdevoly no mpiandry anareo, ary ianareo dia avy amin' ny valany; ary ankehitriny, iza no afaka mandà izany? Indro, lazaiko aminareo, fa na zovy na zovy no mandà izany dia ^dmpan-dainga sy ^ezanaky ny devoly.

40 Satria lazaiko aminareo, fa na inona na inona “tsara dia avy amin' Andriamanitra, ary na inona na inona ratsy dia avy amin' ny devoly.

41 Noho izany, raha manao “asa tsara ny olona iray, dia mihaino ny feon' ilay mpiandry tsara izy ary manaraka Azy; fa na zovy na zovy kosa no manao asa ratsy, dia tonga ^bzanaky ny devoly izy, satria mihaino ny feony sy manaraka azy.

42 Ary na zovy na zovy no manao izany dia tsy maintsy mandray ny “tambiny aminy; koa ho ^btambiny dia mandray ny ^dfahafatesana izy, raha ny zavatra mikasika ny fahamari-nana, satria maty ho an' ny asa soa rehetra izy.

43 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia mba tiako ny hihainoanareo ahy, satria miteny amin' ny herin' ny fanahiko aho; fa indro, efa niteny mazava tsara taminareo aho mba tsy hahafa-

36a Mat. 3:10; 7:15–20;
3 Ne. 14:19; F&F 97:7.

37a TSM Zava-poana.
b 2 Ne. 12:5; 28:14;
Môsîà 14:6.
d Mat. 9:36.
e Ohab. 1:24–27;
Isa. 65:12.
f Jer. 26:4–5;
Almà 10:6.

38a TSM Mpiandry
Ondry Tsara.

b Lev. 26:14–20;
F&F 101:7.

d 3 Ne. 15:24; 18:31.

e Môsià 5:8;
Almà 34:38.

39a Mat. 6:24; Lio. 16:13.

b Môsià 5:10.
TSM Devoly.

d 1 Jn. 2:22.

e 2 Ne. 9:9.

40a Ômnia 1:25;
Etera 4:12;

Môrô. 7:12, 15–17.

41a 3 Ne. 14:16–20.

TSM Asa.
b Môsià 16:3–5;
Almà 11:23.

42a Almà 3:26–27;
F&F 29:45.

b Roma. 6:23.

d Hel. 14:16–18.

TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

hanareo mandiso, na efa niteny araka ny didin' Andriamanitra aho.

44 Fa antsoina aho hiteny araka izany fomba izany, araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy Jesoa; eny, didina aho hitsangana sy hanambara amin' ity vahoaka ity ny amin' ny zavatra izay efa nolazain' ny razantsika mikasika ny zavatra izay ho avy.

45 Ary tsy izay ihany. Moa tsy heverinareo va fa "mahalala ny momba an' ireny zavatra ireny ny tenako? Indro, manambara aminareo aho satria fantatro fa ireny zavatra izay efa voalazako ireny dia marina. Ary ahoana no iheveranareo fa fantatro ny maha-azo antoka ireny zavatra ireny?

46 Indro lazaiko aminareo fa "ampahafantarina ahy amin' ny alalan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra ireny. Indro, efa ^bnifady hanina sy nivavaka andro maro aho mba hahazoan' ny tenako mahafantatra ireny zavatra ireny. Ary ankehitriny, mahalala ny tenako fa marina ireny; fa ny Tompo Andriamanitra dia efa naneho ireny tamiko tamin' ny alalan' ny Fanahy Masiny; ary izany no fanahin' ny ^afanambarana izay ao amiko.

47 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa dia toy izany no efa nanambarana tamiko fa ny teny efa nolazain' ny razan-

tsika dia marina, ary izany dia araka ny fanahin' ny faminania-na izay ato amiko, izay amin' ny alàlan' ny fanehoana ihany koa ny Fanahin' Andriamanitra.

48 Lazaiko aminareo fa mahalala ny tenako fa na inona na inona holazaiko aminareo momba izay ho avy dia marina; ary lazaiko aminareo fa fantatro fa ho avy i Jesoa Kristy, eny, ny Zanaka, ny Lahitokan' ny Ray, feno fahasoavana sy famindram-po ary fahamarinana. Ary indro Izy no tonga mba hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, eny, ny fahotan' ny olona tsirairay izay miorina mafy amin' ny fi-noana ny anarany.

49 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa araka izany "lamina izany no iantsoana ahy, eny, mba hitory amin' ny rahalahiko malala, eny, amin' ny tsirairay izay monina eo amin' ny tany; eny, mba hitory amin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olona afaka; eny, lazaiko aminareo zokiolona, ary koa amin' ny olon-dehibe sy ny taranaka vao misondrotra; eny, mba hiantso azy ireo, fa tsy maintsy mibebaka izy ireo ka ^bateraka indray.

50 Eny, izao no lazain' ny Fanahy: Mibebaha ianareo rehetra faran' ny tany, fa efa akaiky sy antomotra ny fanjakan' ny lanitra; eny, tonga amin' ny "voninahiny, amin' ny heriny,

44a Almà 13:6.

45a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

46a 2 Tan. 2:9–16.

b TSM Fifadian-kanina.

d TSM Fanambarana.

49a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra; Fisoronana.

b TSM Ateraka Indray,

Aterak'

Andriamanitra.

50a TSM Voninahitra;

Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

fiandrianany, fahefany ary fanapahiny ny Zanak' Andriamanitra. Eny, ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, fa hoy ny Fanahy: Indro ny voninahitry ny ^bMpanjakan' ny tany manontolo; ary hamirapiratsy tsy ho ela koa ny Mpanjakan' ny lanitra eo anivon' ny zanak' olombelona rehetra.

51 Ary milaza amiko koa ny Fanahy, eny, miantso ahy amin' ny feo mahery, manao hoe: Mandehana ary lazao amin' ity vahoaka ity hoe—Mibebaha, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia tsy mahazo mandova ny fanjakan' ny ^alanitra mihitsy ianareo.

52 Ary lazaiko indray aminareo, fa hoy ny Fanahy: Indro, ny ^afamaky efa mipetraka eo ampototry ny hazo; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ^bhokapaina ary hatsipy any anaty afo, eny, afo iray izay tsy mety levona, dia afo iray tsy mety maty. Indro, ary tsarovy, ny Iray Masina no efa niteny izany.

53 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, moa va ianareo afa-manohitra ireo teny ireo; eny, moa va ianareo afa-mandà ireo zavatra ireo ary ^ahanosihosy amin' ny tongotra ny Iray Masina; eny, moa va

ianareo afaka mizihitra ao amin' ny ^bavonavon' ny fonareo; eny, moa va ianareo mbola hikiry hitondra fitafiana ^alafo vidy ary hametraka ny fonareo amin' ny zava-poanan' izao tontolo izao, amin' ny ^aharenareo?

54 Eny, hikiry ve ianareo hihevitra fa ianareo dia tsaratsara kokoa noho ny hafa; eny, hikiry ve ianareo amin' ny fanenjehana ny rahalahinareo izay manetry ny tenany sy mandeha araka ny lamina masin' Andriamanitra, izay efa nitondrana azy hankamin' ity fiangonana ity, rehefa avy ^anohamasinina tamin' ny Fanahy Masina izy, ka manao asa miendrika fibebahana—

55 Eny, ary hikiry ve ianareo hanome ny lamosinareo ny ^amahantra sy ny sahirana ary hihirim-belona amin' ny fananareo tsy ho an' ireny?

56 Ary farany, ianareo rehetra izay hikiry amin' ny faharatsianareo, lazaiko aminareo fa ireny no ireo izay hokapaina sy hatsipy any anaty afo raha tsy mibebaka faingana tokoa.

57 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, ianareo rehetra izay maniry ny hanaraka ny feon' ny ^ampiandry tsara, mivoàha hiala amin' ny olon-dratsy, ary aoka ^bhisaraka, ary aza mikasika ny

50b Sal. 24; Mat. 2:2;
Lio. 23:2;
2 Ne. 10:14;
F&F 38:21–22;
128:22–23;
Mos. 7:53.
TSM Jesoa Kristy;
Fanjakan'
Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.

51a TSM Lanitra.
52a Lio. 3:9; F&F 97:7.
b Jakôba 5:46; 6:7;
3 Ne. 27:11–12.
53a 1 Ne. 19:7.
b TSM Fiavonavonana.
d 2 Ne. 28:11–14;
Môrm. 8:36–39.
e Sal. 62:10;
F&F 56:16–18.

54a TSM Fanamasinana.
55a Sal. 109:15–16;
Jakôba 2:17;
Hel. 6:39–40.
57a TSM Mpiandry
Ondry Tsara.
b Ezra 6:21; 9:1;
Neh. 9:2;
2 Tes. 3:6;
F&F 133:5, 14.

zavany tsy madio; ary indro, “hovonoina ny anarany, hany ka ny anaran’ ny olon-dratsy dia tsy horaisina ho isan’ ny anaran’ ny marina mba hahatanteraka ny tenin’ Andriamanitra izay manao hoe: Ny anaran’ ny olon-dratsy dia tsy hafangaro amin’ ny anaran’ ny oloko;

58 Fa ny anaran’ ny marina dia hosoratana ao amin’ ny “bokin’ ny fiainana, ary izy no homeko lova ny eo an-tanako ankavanana. Ary ankehitriny ry rahalahiko, inona no azonareo lazaina hanoherana izany? Lazaiko aminareo, fa raha miteny manohitra izany ianareo, dia tsy maninona izany, fa ny tenin’ Andriamanitra dia tsy maintsy tanteraka.

59 Fa mpiandry ondry iza eo aminareo no manana ondry maro ka tsy miambina azy mba tsy hidiran’ ny ambodia hihinana ny andian’ ondriny? Ary indro, raha miditra ao ambala ny ambodia iray, moa tsy ho-roahiny izy hivoaka? Eny, ary amin’ ny farany, raha azony atao, dia hovooiny izy.

60 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa ny mpiandry tsara no miantso anareo; ary raha mety mihaino ny feony ianareo, dia hoentiny hankany ambalany, ary ianareo no ondriny; ary mandidy anareo izy ny tsy hamelanareo ny ambodia masiaka hiditra eo aminareo mba tsy haharava anareo.

61 Ary ankehitriny izaho Almà dia mandidy anareo amin’ ny fitenin’ “ilay efa nandidy ahy hankatoavanareo ny teny izay efa nolazaiko anareo.

62 Miteny aminareo izay isan’ ny fiangonana aho amin’ ny alalan’ ny fandidiana; ary aminareo izay tsy isan’ ny fiangonana no itenenako amin’ ny alalan’ ny fanasana, manao hoe: Avia ary aoka hatao batisa ho amin’ ny fibebahana, mba hahatonga anareo koa ho mpihinana amin’ ny voan’ ny “hazon’ aina.

TOKO 6

Voadio sy voalamina ny fiangonana tao Zarahemlà—Nandeha tany Gideôna i Almà mba hitory. Tokony ho 83 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny fitenenany tamin’ ny vahoakan’ ny fiangonana izay efa niorina tao an-tanànan’ i Zarahemlà i Almà, dia “nanokana mpisorona sy ^bloholona izy tamin’ ny alalan’ ny fametraha-^atanana, araka ny lamin’ Andriamanitra, mba hitarika sy “hitandrina ny fiangonana.

2 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy isan’ ny fiangonana, kanefa nibebaka tamin’ ny fahotany, dia “natao batisa ho amin’ ny fibebahana ary noraisina ho isan’ ny fiangonana.

57d Deot. 29:20;
Môrô. 6:7; F&F 20:8.
58a TSM Bokin’ ny
Fiainana.

61a Almà 5:44.
62a 1 Ne. 8:10; 11:21–23.
61a TSM Manokana.
b TSM Loholona.

d TSM Fametrahantanana.
e F&F 52:39.
2a TSM Batisa.

3 Ary ny zava-nitranga koa dia na zovy na zovy no isan' ny fiangonana, kanefa tsy "nibebaka tamin' ny faharatsiany sy tsy nanetry ny tenany teo anoloan' Andriamanitra—ny tiako hola-zaina dia ireo izay nanandra-tena tao amin' ny ^bavonavy ny fony—ireo no nolavina, ary ^anovonoina ny anarany, ka ny anarany dia tsy nisaina teo anivon' ny an' ny marina.

4 Ary dia toy izany no nanombohan' izy ireo nanorina ny lamin' ny fiangonana tao antanànan' i Zarahemlà.

5 Ankehitriny, dia mba tiako ny hahatakaranareo fa ny tenin' Andriamanitra dia nisokatra ho an' ny rehetra, ka tsy nesorina na tamin' iza na tamin' iza ny zo hivory mba hihaino ny tenin' Andriamanitra.

6 Na dia teo aza izany, ny zanak' Andriamanitra dia nodidina mba hiara-mivory matetika sy hiombona amin' ny ^afifadian-kanina sy ny faherezana mivavaka ho fiadanan' ny fanahin' ireo izay tsy nahalala an' Andriamanitra.

7 Ary ankehitriny ny zavannitranga, rehefa avy nanao ireo rafi-pitondrana ireo i Almà, dia nilaozany izy ireo, eny, nilaozany ny fiangonana izay tao antanànan' i Zarahemlà, ary nandeha tany atsinanan' ny renirano Sidôna izy, nankany ^aan-dohasahan' i Gideôna izay nisy tanàna iray naorina, izay

nantsoina hoe: ny tanànan' i Gideôna, izay tao an-dohasaha izay nantsoina hoe Gideôna, rehefa nantsoina araka ny anaran' ilay lehilahy izay ^bnovonoin' ny tanànan' i Nehôra tamin-tsabatra.

8 Ary nandeha i Almà sy nanomboka nilaza ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fiangonana izay efa niorina tao an-dohasahan' i Gideôna, araka ny fanambarana ny fahamarinan' ny teny izay efa nolazain' ny razany sy araka ny fanahin' ny faminaniana izay tao aminy, araka ny ^afanambaran' i Jesoa Kristy, ny Zanak' Andriamanitra, izay ho avy mba hanavotra ny olony amin' ny fahotany, ary ny lamina masina izay efa niantsoana azy. Ary dia toy izany no voasoratra. Amena.

Ny tenin' i Almà izay nolazainy tamin' ny mponina tao Gideôna, araka ny rakitsorany ihany.

Mahafaoka ny toko 7.

TOKO 7

Haterak' i Maria i Kristy—Hama-ha ny famatoran' ny fahafatesana Izy ary hitondra ny fahotan' ny olony—Ireo izay mibebaka, vita batisa, ary mitandrana ny didy no hahazo ny fiainana mandrakizay—Tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra ny fahalotoana—Fanetren-tena, finoana, fanante-

3a Môsià 26:6.
b TSM Fiavonavonana.
d Eks. 32:33;
Môsià 26:36;

Almà 1:24; 5:57–58.
TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
6a TSM Fifadian-kanina.

7a Almà 2:20.
b Almà 1:9.
8a Fan. 19:10.

*nana, ary fiantrana no takiana.
Tokony ho 83 talohan' i J.K.*

INDRO ry rahalahiko malala, satria efa navela ho tonga aty aminareo aho, noho izany dia miezaka aho ny "handahateny aminareo amin' ny fiteniko; eny, amin' ny vavako ihany, satria izao no fotoana voalohany itenenako aminareo amin' ny tenin' ny vavako, rehefa voatana tanteraka tao amin' ny ^btoeram-pitsarana aho, satria nanandraharaha betsaka aho izay tsy nahafahako nankatỳ aminareo.

2 Ary tena tsy ho afaka nankatỳ aho na dia amin' izao fotoana izao aza, raha tsy "natolotra olon-kafa ny toeram-pitsarana mba hitondra eo amin' ny toerako; ary tamin' ny famindram-po lehibe no efa namelan' ny Tompo ny hankanesako atỳ aminareo.

3 Ary indro, tonga aho manana fanantenana lehibe sy faniriana fatratra ny hahita fa efa nanetry tena teo anatrehan' Andriamanitra ianareo, ary efa nitozo tamin' ny fitalahoana ny fahasoavany, ny hahita fa tsy nisy tsiny teo anatrehany ianareo, ny hahita fa tsy tao anatin' ny safidy mahatsiravina izay nisy ireo rahalahintsika tao Zarahemlà ianareo.

4 Nefa hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra, fa efa omeny aho hahafantatra, eny, efa omeny fifaliana fatratra tokoa aho hahafantatra fa izy ireo

dia efa miorina indray amin' ny lalan' ny fahamarinany.

5 Ary matoky aho, araka ny Fanahin' Andriamanitra izay ato amiko, fa hanam-pifaliana aminareo koa; na dia eo aza izany dia tsy maniry aho ny hahatongavan' ny fifaliako aminareo amin' ny alalan' ny fahoriana sy ny alahelo be izay efa nahazo ahy noho ireo rahalahy tao Zarahemlà, satria indro, tonga taorian' ny fandalovana fahoriana sy alahelo be ny fifaliako taminy.

6 Nefa indro, matoky aho fa tsy ao anatin' ny toetry ny tsy finoana be toy izay nisy ireo rahalahinareo ianareo; matoky aho fa tsy manandra-tena ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo; eny, matoky aho fa tsy nametraka ny fonareo tamin' ny harena sy ny zava-poanan' izao tontolo izao ianareo; eny, matoky aho fa tsy manompo "sampy ianareo fa manompo kosa ilay Andriamanitra marina sy ^bvelona ary miandrindra ny famelana ny fahotananareo, izay ho avy, miaraka amin' ny finoana maharitra mandrakizay.

7 Satria indro, lazaiko aminareo fa zavatra maro no hitranga; ary indro, misy zavatra iray izay manan-danja kokoa noho ny rehetra — satria indro, tsy lavitra loatra ny "fotoana izay hiainan' ny Mpanavotra sy hahatongavany eo anivon' ny vahoakany.

8 Indro, tsy milaza aho fa ho avy eo anivontsika Izy amin' ny fotoana izay hitoerany ao amin'

7 1a Almà 4:19.
b Môsià 29:42.

2a Almà 4:16-18.
6a 2 Ne. 9:37; Hel. 6:31.

b Dan. 6:26.
7a Almà 9:26.

ny tabernakely mety maty; satria indro, tsy nilaza tamiko ny Fanahy fa izany no tokony hitranga. Ankehitriny, raha ny amin' izay zavatra izay dia tsy fantatro; fa ny hany fantatro kosa dia manana fahefana ny Tompo Andriamanitra hanao ny zavatra rehetra izay misy araka ny teniny.

9 Kanefa indro, efa nilaza izao tamiko ny Fanahy, manao hoe: Antsoantsoy amin' ity vahoaka ity hoe—“Mibebaha ianareo, ary amboary ny lalan' ny Tompo, ary mandehana amin' ny lalany izay mahitsy; fa indro, efa akai-ky ny fanjakan' ny lanitra, ary ho ^btonga eto ambonin' ny tany ny Zanak' Andriamanitra.

10 Ary indro, “haterak' i ^bMaria Izy, ao Jerosalema izay “tanin' ny razambentsika, izy izay “virijiny sady fanaka iray saro-bidy sy nofinidy izay halofana sy ^fhitoe-jaza noho ny herin' ny Fanahy Masina, ary hiteraka zazalahy, eny, dia ny Zanak' Andriamanitra.

11 Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy “fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatan-teraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin' ny olony Izy.

12 Ary haka ny “fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoa-

ny mamaha ny famatoran' ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba ^bhanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny.

13 Ankehitriny “mahalala ny zava-drehetra ny Fanahy; na dia eo aza izany, ny Zanak' Andriamanitra dia miaritra araka ny nofo mba hahazoany ^bmaka ho eo Aminy ny fahotan' ny olony, mba hahazoany mamafa ny fandikan-dalany araka ny herin' ny fanafahany; ary ankehitriny indro izany no fanambarana izay ato amiko.

14 Ankehitriny lazaiko aminareo fa tsy maintsy mibebaka ary “ateraka indray ianareo; satria milaza ny Fanahy fa raha tsy ateraka indray ianareo, dia tsy afaka mandova ny fanjakan' ny lanitra; koa avia ary aoka hatao batisa ho amin' ny fibebahana, mba hahazoana manasa anareo amin' ny fahotana, mba hahazoanareo manana finoana ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, izay mahery ka mahavonjy sy mampahadio amin' ny tsy fahamarinana rehetra.

15 Eny, lazaiko aminareo hoe

9a Mat. 3:2–4; Almà 9:25.

b Môsià 3:5; 7:27; 15:1–2.

10a Isa. 7:14; Lio. 1:27.

b Môsià 3:8.
TSM Maria, Renin' i Jesoa.

d 1 Tan. 9:3; 2 Tan. 15:9;

1 Ne. 1:4; 3 Ne. 20:29.

e 1 Ne. 11:13–21.

f Mat. 1:20;

Môsià 15:3.

11a Isa. 53:3–5;

Môsià 14:3–5.

12a 2 Ne. 2:8;

Almà 12:24–25.

TSM Fanomboana.

b Heb. 2:18; 4:15;

F&F 62:1.

13a TSM Andriamanitra.

b Môsià 15:12.

TSM Sorompanavotana.

14a TSM Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra.

avia ary aza matahotra, ary ave-lao ny fahotana rehetra, izay “mamely anareo mora foana, izay mamatotra anareo amin’ ny fandravana, eny, avia ary mandehana ary aseho ny Andriamanitrareo fa vonona ianareo ny hibe-baka amin’ ny fahotana-reo sy hiditra amin’ ny fane-kempihavanana miaraka Aminy mba hitandrina ny didiny, ary mijoroa ho vavolombelon’ izany Aminy anio amin’ ny firobohana ao amin’ ny ranon’ ny batisa.

16 Ary na zovy na zovy no manao izany sy mitandrina ny didin’ Andriamanitra hatramin’ izao, dia hahatsiaro izy fa lazai-ko azy, eny, hahatsiaro izy fa efa nolazaiko azy fa hahazo ny fiainana mandrakizay izy araka ny fanambaran’ ny Fanahy Masina izay manambara izany ato amiko.

17 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, mino ireo zavatra ireo ve ianareo? Indro, lazaiko aminareo, eny, fantatro fa mino ireo ianareo; ary ny fomba aha-fantarako fa mino ireo ianareo dia amin’ ny alalan’ ny fanehoan’ ny Fanahy izay ato amiko. Ary ankehitriny, satria efa matanjaka ny finoanareo momba izany, eny, momba ireo zavatra izay efa noteneniko, dia lehibe ny fifaliako.

18 Fa toy ny efa nilazako taminareo hatrany am-piandohana, fa nanana faniriana fatratra aho ny mba tsy ho tratry ny toetry

ny famoizam-po ohatra ireo rahalahinareo ianareo, dia toy izany no efa nahitako fa efa to ny faniriako.

19 Satria takatro fa mby amin’ ny lalan’ ny fahamarinana ianareo; takatro fa mby amin’ ny lalana izay mitondra mankany amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra ianareo; eny, takatro fa ataonareo mahitsy ny “lālany.

20 Takatro fa efa nampahalalaina anareo tamin’ ny fanambaran’ ny teniny, fa tsy afa-“mandeha amin’ ny lalana miolikolika Izy; sady tsy mivaona amin’ izay efa nolazainy Izy; no tsy manana aloka noho ny fihodinana ankavanana miankavia, na avy any amin’ izay marina mankamin’ izay diso; koa ny diany dia hodina mandrakizay.

21 Ary Izy dia tsy mitoetra ao amin’ ny tempoly izay “tsy masina; na fahalotoana, rehefa mety ho zavatra tsy madio dia tsy azo raisina ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra; koa lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, eny, ary izany dia ho amin’ ny andro farany, ka izay ^bmaloto dia hijanona ao amin’ ny fahalotoany.

22 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, efa nilaza taminareo ireo zavatra ireo aho mba hahazoako mamoha anareo ho amin’ ny fahatsiarovana ny adidinareo amin’ Andriamanitra, mba hahazoanareo mandeha tsisy tsiny eo anoloany, mba hahazoanareo

15a 2 Ne. 4:18.
19a Mat. 3:3.
20a 1 Ne. 10:19;
Almà 37:12;

F&F 3:2.
21a 2 Tan. 3:16–17; 6:19;
Môsià 2:37;
Almà 34:36.

b 1 Ne. 15:33–35;
2 Ne. 9:16;
Môrm. 9:14;
F&F 88:35.

mandeha araka ny lamina masin' Andriamanitra, araka izay efa nandraisana anareo.

23 Ary ankehitriny dia mba tiako ianareo "hanetry tena sy hanoa ary ho malemy fanahy; mora hihavanana; feno faharetana sy fahari-po; mahonom-po amin' ny zava-drehetra; mazoto amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra; mangataka izay zavatra rehetra ilainareo, na arapanahy na ara-nofo; mamaly saotra an' Andriamanitra mandrakariva amin' izay zavatra rehetra raisinareo.

24 Ary ezaho izay anananareo "finoana, fanantenana ary fiantrana, ary amin' izany dia hihabe mandrakariva amin' ny asa soa ianareo.

25 Ary ny Tompo anie hitahy anareo sy hitandrina ny fitafianareo ho tsisy pentina mba hahazoana mitondra anareo amin' ny farany hiara-mipetraka amin' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba ary ny mpaminany masina izay nisy hatramin' ny niandohan' izao tontolo izao, manana ny fitafianareo "tsisy pentina toy ny fitafian' izy ireo tsisy pentina ao amin' ny fanjakan' ny lanitra, ka tsy handehananareo mivoaka intsony.

26 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, dia efa nolazaiko anareo ireo teny ireo araka ny Fanahy izay manambara izany ato amiko; ary ny fanahiko dia miravoravo fatratra tokoa noho

ny fahazotoana sy ny fitandremana izaitsizy izay efa nasetrinareo ny teniko.

27 Ary ankehitriny, ny "fiadanana" Andriamanitra anie hitoetra aminareo, ary amin' ny tranonareo sy ny taninareo, ary amin' ny biby fiompinareo, ary amin' izay anananareo rehetra, amin' ny vadinareo sy ny zanakareo, araka ny finoanareo sy ny asa soanareo, hatramin' izao ka ho mandrakizay. Ary dia toy izany no efa noteneniko. Amena.

TOKO 8

Nitory sy nanao batisa tao Meleka i Almà—Nolavin' ny tao Amônià izy ka lasa—Anjely iray no nandidy azy hiverina sy hitory fibebahana amin' ny vahoaka—Noraisin' i Amioleka izy, ka izy roa lahy no nitory tao Amônià—Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niverina avy tany an-"tanin' i Gideôna i Almà, rehefa avy nampianatra ny mponin' i Gideôna zavatra maro izay tsy hita hosoratana, rehefa avy nanorina ny lamin' ny fiangonana araka izay efa nataony teo aloha tao amin' ny tanin' i Zarahemlà, eny, niverina tao an-tranony tao Zarahemlà izy mba hiala sasatra tamin' ny asa izay efa notontosainy.

2 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivin' ny

23a TSM Fanetren-tena.

24a 2 Tan. 13:1–13;

Etera 12:30–35;

Môrô. 7:33–48.

25a 2 Pet. 3:14.

27a TSM Fiadanana.

8 1a Almà 2:20; 6:7.

fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahaolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia niala avy tao i Almà ka nandeha nankany an-tanin' i Meleka tany andrefan' ny "renirano Sidôna, tany andrefan' ny faritra manamorona ny tany foana.

4 Ary nanomboka nampianatra ny mponin' ny tanin' i Meleka izy araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay efa niantsoana azy; ary nanomboka nampianatra ny mponina eran' ny tanin' i Meleka manontolo izy.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga teo aminy ny mponin' ny faritry ny tany rehetra izay manamorona ny tany foana. Ary dia natao batisa ny eran' ny tany manontolo;

6 Hany ka nony efa nahavita ny asany tao Meleka izy, dia niala avy tao ary nandeha hate-loana tany avaratry ny tanin' i Meleka; ary tonga tao amin' ny tanàna iray izay nantsoina hoe Amônià izy.

7 Ankehitriny, dia fanao teo amin' ny vahoakan' i Nefia ny miantso ny taniny sy ny tanànan' ary ny vohiny, eny, na dia ny vohiny kely rehetra aza, araka ny anaran' ilay niorimponenana voalohany teo; ary dia araka izany ny amin' ny tanin' i Amônià.

8 Ary ny zava-nitranga nony

efa tonga tao an-tanànan' i Amônià i Almà, dia nanomboka nitory ny tenin' Andriamanitra taminy izy.

9 Ankehitriny dia efa nahazo "vahana be tao am-pon' ny mponin' ny tanànan' i Amônià i Satana; koa tsy te hihaino ny tenin' i Almà izy.

10 Kanefa dia "niasa am-panahy fatratra i Almà, ^bnifampitolona tamin' Andriamanitra tamin' ny "faherezana nivavaka mba handatsahany ny fanahiny amin' ny mponina izay tao an-tanàna; mba havelany koa ny hahazoa-ny manao batisa azy ho amin' ny fibebahana.

11 Kanefa, nanamafy ny fony izy, nanao taminy hoe: Indro, fantatray fa ianao no Almà; ary fantatray fa ianao dia mpisorona avon' ny fiangonana izay efa naorinao tamin' ny faritra maro tamin' ny tany, araka ny fombanareo; ary tsy isan' ny fiangonanao izahay ary tsy mino ny fomba adala toy izany.

12 Ary ankehitriny, fantatray fa noho izahay tsy isan' ny fiangonanao dia fantatray fa tsy manana fahefana aminay ianao; ary efa natolotrao an' i "Nefià ny toeram-pitsarana; noho izany ianao dia tsy lohan' ny mpitsara aminay.

13 Ankehitriny, nony efa nilaza izany ny mponina, ary nanohitra ny teniny rehetra sy nanevateva azy sy nandrora azy ary nanao izay handroahana azy

3a Almà 16:6–7.

4a F&F 107:2–4.

TSM Fisoronana
Melkizedeka.

9a 2 Ne. 28:19–22;

F&F 10:20.

10a Almà 17:5.

b Enôsa 1:1–12.

d 3 Ne. 27:1.

TSM Vavaka.

12a Almà 4:20.

hiala ny tanànanany, dia niala avy tao izy ary nandeha nankamin' ny tanàna izay nantsoina hoe Aharôna.

14 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nandeha nankany izy, nivesatra alahelo, nandalo tamin' ny "fahoriana be sy ny fitaintainan' ny fanahy, noho ny faharatsian' ny mponina izay tao an-tanànan' i Amônià, ny zava-nitranga, raha mbola nivesatra alahelo toy izany i Almà, dia indro, niseho taminy ny ^banjelin' ny Tompo iray, nanao hoe:

15 Hotahiana anie ianao ry Almà; koa andrandrao ny lohanao ary miravoravao, fa manana antony lehibe hiravoana ianao; fa efa nahatoky tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra ianao hatramin' ny fotoana izay nandraisanao ny hafatrao voalohany Taminy. Indro, izaho no ilay "nanolotra izany anao.

16 Ary indro, irahina aho handidy anao ny hiverenanao any an-tanànan' i Amônià, ary ny hitory indray amin' ny mponin' ny tanàna; eny, torio aminy. Eny, lazao aminy fa raha tsy mibebaka izy, dia ny Tompo Andriamanitra no "hamongotra azy.

17 Fa indro, misaintsaina izy amin' izao fotoana izao ny hahazoany mandrava ny fahafahan' ny olonao (fa izany no lazain' ny Tompo), izay mifanohitra amin' ny fitsipika, sy ny lalàna ary ny didy izay efa nomeny ny olony.

18 Ankehitriny ny zava-ni-

tranga, taorian' ny nandraisan' i Almà ny hafany avy tamin' ilay anjelin' ny Tompo, dia niverina faingana tokoa tany an-tanin' i Amônià izy. Ary niditra ny tanàna tamin' ny lalana hafa izy, eny, tamin' ny lalana izay tao atsimon' ny tanànan' i Amônià.

19 Ary raha niditra ny tanàna izy dia mosarena, ary hoy izy tamin' ny lehilahy iray: Moa hanome hanin-kohanina ity mpanompon' Andriamanitra mietry tena ity va ianao?

20 Ary hoy ralehilahy taminy: Izaho dia Nefita, ary fantatro fa mpaminany masin' Andriamanitra ianao, satria ianao ilay lehilahy izay nolazain' ny "anjely tamin' ny fahitana hoe: Horaisinao izy. Koa, andeha hiaraka amiko hankany an-trano, ary homeko anao ny haniko; ary fantatro fa ianao dia ho fitahiana ho ahy sy ny tranoko.

21 Ary ny zava-nitranga dia noraisin-dralehilahy tao an-tranony izy; ary ralehilahy dia nantsoina hoe "Amioleka; ary narosony ny mofo sy ny hena ka napetrany teo anoloan' i Almà.

22 Ary ny zava-nitranga dia nihinana mofo i Almà ary voky; ary "nitso-drano an' i Amioleka sy ny tranony izy ary nanatitsaotra ho an' Andriamanitra.

23 Ary rehefa avy nihinana izy ka voky, dia hoy izy tamin' i Amioleka: Izaho no Almà sady "mpisorona avon' ny fian-

14a TSM Fahoriana.
b Almà 10:7–10, 20.
TSM Anjely.
15a Môsià 27:11–16.

16a Almà 9:12, 18, 24.
20a Almà 10:7–9.
21a TSM Amioleka.
22a Almà 10:11.

23a Almà 5:3, 44, 49;
13:1–20.

gonan' Andriamanitra manerana ny tany.

24 Ary indro, efa nantsoina aho hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ity vahoaka rehetra ity, araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminaniana; ary efa teto amin' ity tany ity aho, ary tsy nety nandray ahy izy fa "norohany aho, ary efa saika hatodiko ity tany ity mandrakizay ny lamosiko.

25 Nefa indro, efa nodidina aho hiverina indray sy haminany amin' ity vahoaka ity, eny, ary hanambara aminy ny amin' ny helony.

26 Ary ankehitriny ry Amioleka, satria efa namahana ahy ianao sady nampiantrano ahy, dia hotahiana ianao; satria mosarena aho, fa efa nifady hanina andro maromaro.

27 Ary nipetraka andro maromaro niaraka tamin' i Amioleka i Almà, talohan' ny nanombohany nitory tamin' ny vahoaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia nantjary vantambantana kokoa ny olona tamin' ireo helony.

29 Ary tonga tamin' i Almà ny teny, manao hoe: Mandehana, ary lazao koa amin' i Amioleka mpanompoko hoe mandehana ary maminania amin' ity vahoaka ity hoe—"Mibebaha ianareo, fa izao no lazain' ny Tompo, raha tsy mibebaka ianareo, dia hamangy ity vahoaka ity amin' ny fahatezerako Aho; eny, ary Izaho dia tsy hampihodina ny fahatezerako mirehitra hiala.

30 Ary nandeha i Almà sy i

Amioleka koa, teny anivon' ny vahoaka mba hilaza ny tenin' Andriamanitra aminy; ary heniky ny Fanahy Masina izy ireo.

31 Ary nanana izy ireo "hery nomena azy ireo, hany ka tsy azo nahiboka tany am-ponja izy ireo; no sady tsy nety nisy olona afaka namono azy ireo; na dia teo aza izany dia tsy nampiasa ny ^bfahefany izy ireo raha tsy efa nafatotra tamin' ny tady ary natsipy tany an-tranomaizina. Ankehitriny, izany no natao dia ny mba hahazoan' ny Tompo maneho ny heriny aminy.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo ary nanomboka nitory sy naminany tamin' ny vahoaka, araka ny fanahy sy ny fahefana izay efa nomen' ny Tompo azy ireo.

Ny tenin' i Almà ary koa ny tenin' i Amioleka nolazaina ny vahoaka izay tany an-tanin' i Amônià. Ary izy ireo koa dia naiditra am-ponja, ary nafahan' ny herin' Andriamanitra mahagaga izay tao aminy, araka ny rakitsoratr' i Almà.

Mahafaoka ny toko 9 ka hatramin' ny 14 manontolo.

TOKO 9

Nandidy ny mponin' i Amônià hibe-baka i Almà—Ho feno famindram-po amin' ny Lamanita ny Tompo amin' ny andro farany—

24a Almà 8:13.

29a Almà 9:12, 18.

TSM Fibebahana.

31a 1 Ne. 1:20.

b Almà 14:17–29.

Ny fahafoizan' ny Nefita ny fahazavana dia handrahan' ny Lamanita azy — Ho avy tsy ho ela ny Zanak' Andriamanitra — Izy no hanavotra ireo izay mibebaka, vita batisa, ary manana ny finoana ny anarany. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ARY ankoatra izany izaho Almà, rehefa nodidian' Andriamanitra haka an' i Amioleka sy handeha ary hitory indray amin' ity mponina ity, na amin' ny mponina izay ao an-tanànan' i Amônihà, ny zava-nitranga, raha nanomboka nitory taminy aho, dia nanomboka nifanditra tamiko izy, nanao hoe:

2 Iza moa ianao? Mihevitra ve ianao fa izahay dia hino ny fanambaran' "olona iray na dia hitory aza izy fa ho levona ny tany?

3 Ankehitriny dia tsy nahatakatra ny teny izay nolazainy izy, satria tsy nahalala izy fa ho levona ny tany.

4 Ary hoy koa izy: Tsy hino ny teninao izahay na dia haminany aza ianao fa ity tanàna lehibe ity dia horavana ao anatin' ny "indray andro.

5 Ankehitriny dia tsy nahalala izy fa afaka manao zavatra mahavariana toy izany Andriamanitra, satria vahoaka mafy fo sy henja-katoka izy.

6 Ary hoy izy: "Iza moa Andriamanitra izay tsy mandefa fahefana afa-tsy lehilahy iray eo anivon' ity vahoaka ity, mba hilaza aminy ny fahamarinan'

ny zavatra lehibe sy mahavariana toy izany?

7 Ary nanatona izy hisambotra ahy; nefa indro, tsy nanao izany izy. Ary nijoro tamim-pahasahiana aho mba hilaza aminy, eny, izaho dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa taminy, nanao hoe:

8 Indro, Ry "taranaka ratsy fanahy sady maditra, ahoana no efa nanadinoanareo ny fomban' ny razanareo; eny, vetivety erỳ ny nanadinoanareo sahady ny didin' Andriamanitra!

9 Tsy tsaroanareo va fa i Lehia razantsika, dia efa nentin' ny "tanàn' Andriamanitra niala an' i Jerosalema? Tsy tsaroanareo va fa izy rehetra dia notarihiny namakivaky ny tany foana?

10 Ary moa efa hadinonareo sahady ve fa imbetsaka Izy no nanafaka ny razantsika teo antànan' ny fahavalony sy nitsimbina azy tsy ho fongotra na dia tamin' ny tanàn' ny rahalahiny ihany aza?

11 Eny, ary raha tsy noho ny fahefany tsy manan-tsahala sy ny famindram-pony ary ny fahari-pony tamintsika, dia tsy azo ihodivirana ny ho efa naha-fongotra antsika teto ambonin' ny tany elabe talohan' izao vanim-potoana izao, ary angamba aza ho efa nahiboka tao amin' ny toetry ny "fahoriana sy alahelo tsisy fiafarany isika.

12 Indro, ankehitriny dia lazainy aminareo fa mandidy anareo hibe-baka Izy; ary raha tsy mi-

9 2a Deot. 17:6.
4a Almà 16:9-10.
6a Eks. 5:2;

Môsià 11:27;
Mos. 5:16.
b Almà 10:12.

8a Almà 10:17-25.
9a 1 Ne. 2:1-7.
11a Môsià 16:11.

bebaka ianareo, dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy. Nefa indro, tsy izay ihany — efa mandidy anareo hibe-baka Izy, fa raha tsy izany, dia “hofongorany tantetraka eto ambonin' ny tany ianareo; eny, hovangiany amin' ny ^bfahatezerany ianareo, ary amin' ny fahatezerany mirehitra dia tsy hihodina Izy.

13 Indro, tsy tsaroanareo va ny teny izay nolazainy tamin' i Leahia, manao hoe: “Raha mitandrana ny didiko ianareo, dia hiroborobo amin' ny tany? Ary voalaza koa fa: Raha tsy mitandrana ny didiko ianareo, dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo.

14 Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo fa noho ny Lamanita tsy nitandrana ny didin' Andriamanitra dia efa “nesorina izy hiala teo anatrehan' ny Tompo. Ankehitriny mahita isika fa ny tenin' ny Tompo dia efa voamarina tamin' izany zavatra izany ary efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Lamanita, hatramin' ny niandohan' ny fandikany lalàna teo amin' ny tany.

15 Kanefa lazaiko aminareo fa “handeferana kokoa izy amin' ny andro fitsarana noho ianareo, raha mitoetra ao amin' ny fahotanareo ianareo, eny, ary handeferana kokoa izy eo amin' ity

fiainana ity noho ianareo, raha tsy mibe-baka ianareo.

16 Satria misy fampanantenana maro izay “omena ny Lamanita; satria ny ^bfomban-drazany no nahatonga azy hijanona ao amin' ny toetry ny “tsy fahalalana; koa ny Tompo dia ho feno famindram-po aminy sy “hanalava ny fahavelomany eo amin' ny tany.

17 Ary amin' ny vanim-potoana sasany dia “hotaomina izy hino ny teniny sy hahalala ny tsy fetezan' ny fomban-drazany; ary maro aminy no hovonjena, satria ny Tompo dia ho feno famindram-po amin' izay rehetra ^bmiantso ny anarany.

18 Nefa indro, lazaiko aminareo fa raha mikiry amin' ny faharatsianareo ianareo, dia tsy hohalavaina ny andronareo eo amin' ny tany, fa halefa hamely anareo ny “Lamanita; ary raha tsy mibe-baka ianareo, dia ho avy izy amin' ny fotoana izay tsy fantatrareo, ary hovangiana amin' ny ^bfaharavana tanteraka ianareo; ary izany dia ho araka ny “fahatezerana mirehitry ny Tompo.

19 Fa tsy havelany ny hiainanareo ao amin' ny helokareo, mba hamongotra ny olony. Lazaiko aminareo, Tsia; aleony mame-la ny hahazoan' ny Lamanita “mamongotra ny olony rehetra izay antsoina hoe ny vahoakan' i

12a Almà 8:16; 10:19, 23, 27.

b Almà 8:29.

13a 2 Ne. 1:20; Môsià 1:7;

Almà 37:13.

14a 2 Ne. 5:20-24;

Almà 38:1.

15a Mat. 11:22, 24.

16a Almà 17:15.

b Môsià 18:11-17.

d Môsià 3:11.

e Hel. 15:10-12.

17a Enôsa 1:13.

b Almà 38:5;

F&F 3:8.

18a Almà 16:2-3.

b Almà 16:9.

d Almà 8:29.

19a 1 Ne. 12:15, 19-20;

Almà 45:10-14.

Nefia, raha toa ka mety mitran-ga ny ^bhahalavo azy amin' ny fahotana sy ny fandikan-dalàna, taorian' ny efa nahazoany fahazavana be sy fahalalana be nomen' ny Tompo Andriamaniny azy;

20 Eny, taorian' ny nahavahoaka nankasitrahan' ny Tompo azy fatratra tokoa; eny, taorian' ny efa nankasitrahana azy tambonin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, na ny mponina hafa rehetra; taorian' ny efa nahazoany ny zavatra rehetra "nampahalalaina azy, araka ny faniriany sy ny finoany ary ny vavaka momba izay efa nisy sy izay misy ary izay ho avy;

21 Taorian' ny namangian' ny Fanahin' Andriamanitra azy; taorian' ny nitafany tamina anjely sy efa nitenenan' ny feon' ny Tompo; ary nahazoany ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanahin' ny fanambarana ary koa fanomezana maro, dia ny fanomezana hiteny amin' ny fiteny sy ny fanomezana hitory ary ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fanomezana "handika teny;

22 Eny, ary taorian' ny efa "nanafahan' Andriamanitra azy hiala ny tanin' i Jerosalema, tamin' ny tanan' ny Tompo; taorian' ny namonjena azy tamin' ny mosary ary tamin' ny aretina sy rehefa mety ho aretina rehetra isan-karazany avy, ka

efa natao mahery an' ady izy mba tsy hahazoana mamongotra azy; taorian' ny nitondrana azy hiala ny ^bfamatorana ombieny ombieny sy efa nitehirizana ary nitsimbinana azy hatramin' izao; ary efa niroborobo izy mandra-pahatonga azy hanankarena amin' ny karazan-javatra rehetra —

23 Ary ankehitriny indro lazai-ko aminareo fa raha izany mponina, izay efa nandray fitahiana maro tokoa tamin' ny tanan' ny Tompo izany, no mandika lalàna manohitra ny fahazavana sy ny fahalalana izay ananany, dia lazaiko anareo fa raha izany no mitranga, raha lavo amin' ny fandikan-dalàna izy, dia "handeferana be lavitra ireo Lamanita noho izy.

24 Fa indro, efa omena ny Lamanita ny "fampanantenan' ny Tompo, fa tsy ho anareo raha mandika lalàna ianareo; fa moa tsy efa nampanantena an-karihary sy nanapaka tamim-pihenjanana tokoa va ny Tompo fa raha mikomy Aminy ianareo, dia hofongorana tanteraka eto ambonin' ny tany?

25 Ary ankehitriny noho izany antony izany mba tsy hahazoana mamongotra anareo no efa nanirahan' ny Tompo ny anjelin' hamangy ny maro tamin' ny olony, hilaza aminy fa tsy maintsy mandeha izy ary miantso mafy tokoa amin' ity mponina ity hoe: "Mibebaha ianareo fa

19b Almà 24:30.

20a TSM Fanambarana.

21a Òmnia 1:20;

Môsà 8:13–19;

28:11–17.

22a 2 Ne. 1:4.

b Môsià 27:16.

23a Mat. 11:22–24.

24a 2 Ne. 30:4–6;

F&F 3:20.

25a Almà 7:9;

Hel. 5:32.

efa akaiky sy antomotra ny fanjakan' ny lanitra;

26 Ary "tsy firy ny andro ho lasa hatramin' izao, dia ho avy ny Zanak' Andriamanitra amin' ny voninahiny; ary ny voninahiny dia ho ny voninahitry ny ^bZanaka Lahitokan' ny Ray, feno ^afahasoavana, hitsiny ary fahamarinana, feno faharetana, ^efamindram-po ary fahari-po, mailaka amin' ny ^ffiainoana ny fitalahoan' ny olony sy amin' ny famaliana ny fivavany.

27 Ary indro, tonga Izy mba ^ahanavotra ireo izay ho ^bvita batisa ho amin' ny fibebahana, noho ny finoana ny anarany.

28 Noho izany, amboarinareo ny lalan' ny Tompo fa antomotra ny fotoana izay hijinjan' ny olona rehetra ny valin' ny ^aasany, araka izany asa izany — raha marina izany, dia ^bhijinja ny famonjena ny fanahiny izy araka ny fahefana sy ny fanafahan' i Jesoa Kristy; ary raha ratsy izany dia hijinja ny ^dfanamelohana ny fanahiny izy araka ny fahefana sy ny fambaboan' ny devoly.

29 Ankehitriny, indro izany no feon' ilay anjely miantso ny olona.

30 Ary ankehitriny, ry ^arahalahiko malala, satria rahalahiko ianareo, ary tokony ho malala ianareo ary ianareo dia tokony hamokatra asa miendrika ny fibebahana, satria efa nihamafy

izaitsizy tokoa tamin' ny tenin' Andriamanitra ny fonareo, ary satria efa ^bvery sy lavo ianareo.

31 Ankehitriny ny zava-nitranga rehefa nilaza ireo teny ireo izaho Almà, dia indro tezitra tamiko ny olona noho ny nilazako taminy fa olona mafy fo sy ^ahenja-katoka izy.

32 Ary koa, noho izaho nilaza taminy fa olona very sy lavo izy dia nisafoaka tamiko izy ary nitady ny hisambotra ahy hazoany manipy ahy any antranomaizina.

33 Nefa ny zava-nitranga dia tsy navelan' ny Tompo hisambotra ahy izy tamin' izay fotoana izay ka hanipy ahy any antranomaizina.

34 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Amioleka, ary nijoro sy nanomboka nitory taminy koa. Ary ankehitriny, dia tsy voasoratra avokoa ny ^atenin' i Amioleka, na dia teo aza izany dia voasoratra ao anatin' ity boky ity ny ampahan' ny teniny.

TOKO 10

Avy amin' ny taranak' i Manase i Lehia—Nitantara ny didin' ilay anjely mba hikarakarany an' i Almà i Amioleka—Nahatonga ny olona ho voatsimbina ny fivavaky ny marina —Ny mpahay lalàna sy ny mpitsara tsy marina no nandatsaka ny fanorenan' ny faharavan' ny va-hoaka. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

26a Almà 7:7.

^b TSM Lahitokana.

^d TSM Fahasoavana.

^e TSM Famindram-po.

^f Deot. 26:7.

27a TSM Fanavotana.

^b TSM Batisa.

28a F&F 1:10; 6:33.

^b Sal. 7:16.

^d TSM Fahamelohana.

30a 1 Jn. 4:11.

^b Almà 12:22.

31a 2 Ne. 25:28;

Môsîà 3:14.

34a Almà 10.

ANKEHITRINY izao no “teny izay notorian’ i ^bAmioleka tamin’ ny mponina izay tao an-tanin’ i Amônihà, manao hoe:

2 Izaho no Amioleka; izaho dia zanakalahin’ i Gidônà izay zanakalahin’ i Ismaela, izay tamingan’ i Aminadia; io Aminadia io ihany ilay nandika ny soratra izay teo amin’ ny rindrin’ ny tempoly, izay nosoratan’ ny rantsantanan’ Andriamanitra.

3 Ary i Aminadia dia tamingan’ i Nefia izay zanakalahin’ i Lehia, izay nivoaka ny tanin’ i Jerosalema, izay tamingan’ i “Manasè izay zanakalahin’ i ^bJosefa izay “namidin’ ireo rahalahiny tany Egypta.

4 Ary indro, izaho koa dia lehilahy tsy dia kely laza eo anivon’ ireo rehetra izay mahafantatra ahy; eny, ary indro, manana havana sy “namana maro aho, ary efa nahangona harena betsaka koa aho tamin’ ny asan’ ny tanako.

5 Kanefa na dia teo aza izany rehetra izany, dia tsy nahalala firy na oviana na oviana ny lalan’ ny Tompo sy ny “misteriny ary ny heriny mahagaga aho. Nolazaiko fa tsy nahalala firy na oviana na oviana ny amin’ ireny zavatra ireny aho; nefa indro, diso aho, satria efa nahita betsaka tamin’ ny misteriny sy ny heriny mahagaga aho; eny, ny fitsimbi-

nana ny ain’ ity mponina ity izany.

6 Kanefa izaho dia nanamafy ny foko, satria efa “nantsoina imbetsaka aho ary tsy te ^bhihai-no; koa nahalala ny momba ireny zavatra ireny aho, kanefa tsy te hahalala; koa dia notohizako ny fikomiana tamin’ Andriamanitra, tao amin’ ny faharatsian’ ny foko, mandra-pahatongan’ ny andro fahefatr’ ity volana fahafito ity, izay tamin’ ny taona fahafolon’ ny fitondran’ ny mpitsara.

7 Raha nandeha namangy havana iray tena akaiky aho, dia indro ny “anjelin’ ny Tompo niseho tamiko ary nanao hoe: Ry Amioleka, miverena any an-tranonao fa hamahana ny mpaminanin’ ny Tompo iray ianao; eny, lehilahy masina iray, dia lehilahy nofinidin’ Andriamanitra; fa efa ^bnifady hanina andro maromaro izy noho ny fahotan’ ity mponina ity, ary noana izy, ary “handray azy ao an-tranonao ianao sy hamahana azy, ary hitso-drano anao sy ny tranonao izy; ary ny fitahian’ ny Tompo dia hitoetra aminao sy ny tranonao.

8 Ary ny zava-nitranga dia nankatò ny feon’ ilay anjely aho sy niverina tany an-tranoko. Ary raha nandeha nankany aho dia nahita ilay “lehilahy izay nolazain’ ilay anjely ahy hoe: Handray azy ao an-tranonao

10 1a Almà 9:34.

b Almà 8:21-29.

3a Gen. 41:51; 1 Tan. 9:3.

b TSM Josefa,
Zanakalahin’ i
Jakoba.

d Gen. 37:29-36.

4a Almà 15:16.

5a TSM Misterin’
Andriamanitra.

6a Almà 5:37.

b F&F 39:9.

7a Almà 8:20.

b Almà 5:46; 6:6.

TSM Fifadian-kanina.

d Asa 10:30-35.

8a Almà 8:19-21.

ianao — ary indro izy ihany no ilay lehilahy izay vao avy niresaka taminareo ny zavatra momba an' Andriamanitra.

9 Ary nilaza tamiko ilay anjely fa “olona masina izy; noho izany dia fantatro fa olona masina izy, satria efa nolazain' ny anjelin' Andriamanitra izany.

10 Ary fantatro koa, fa ny zavatra izay efa nambarany dia marina; satria indro, lazaiko aminareo fa raha velona koa ny Tompo, dia toy izany no efa nanirahany ny “anjeliny mba haneho ireo zavatra ireo amiko; ary izany no efa nataony raha mbola ^bnitoetra tao an-tranoko ity Almà ity.

11 Fa indro, efa “nitso-drano ny tranoko izy, efa nitso-drano ahy sy ny vehivaviko, ary ny zanako sy ny raiko, ary ny ankehonako izy; eny, na dia ny mpianakaviko rehetra aza dia efa notsofiny rano, ary ny fitahian' ny Tompo dia efa nitoetra taminay araka ny teny izay nolazainy.

12 Ary ankehitriny, nony efa nilaza ireo teny ireo i Amioleka dia nanomboka ho gaga ny mponina, rehefa nahita fa nisy “mihoatra ny anankiray ny vavolombelona izay nanambara ny amin' ny zavatra izay niam-pangana azy, ary koa ny amin' ny zavatra izay ho avy, araka ny fanahin' ny faminiana izay tao amin' izy ireo.

13 Na dia teo aza izany, dia nisy ny sasany taminy izay ni-

hevitra ny hanontany azy ireo, ka ny “hafetseny sy ny tetiny dia ny hahazoany mamandrika azy ireo amin' ny teniny, mba hahitany vavolombelona hanoherana azy ireo, mba hahazoany manolotra azy ireo ny mpitsarany, ka hahazoany mitsara azy ireo araka ny lalàna, sy hahazoany mamono na manipy azy ireo any an-tranomaizina araka ny heloka izay azony atao ny hisehoany na hijoroany ho vavolombelona hanoherana azy ireo.

14 Ankehitriny ireo lehilahy ireo izay nikatsaka ny hamongotra azy ireo dia “mpahay lalàna, izay nampiasaina na notendren' ny vahoaka hampihatra ny lalàna amin' ny fotoam-pitsarany, na amin' ny fitsarana ny heloky ny olona eo anoloan' ny mpitsara.

15 Ankehitriny, ireo mpahay lalàna ireo dia havanana tamin' ny tetika sy ny hafetsena rehetra an' ny olona; ary izany dia ny mba hahombiazany ka hahatonga azy ireo ho feno hakingana amin' ny raharahany.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nanontany an' i Amioleka izy ireo mba hahazoany mitarika azy hampifanohitra ny teniny, na hanohitra ny teny izay holazainy.

17 Ankehitriny dia tsy fantany fa mety mahafantatra ny fikasany i Amioleka. Nefa ny zava-nitranga, raha nanomboka nanontany azy izy ireo, dia “nahatakatra ny eritreriny izy,

9a TSM Masina.

10a Almà 11:30–31.

b Almà 8:27.

11a Almà 8:22.

12a Almà 9:6.

13a Almà 11:21.

14a Almà 10:24; 11:20–21;

14:18.

17a Almà 12:3; 20:18, 32;
F&F 6:16.

ary hoy izy taminy: E ianareo, ^btaranaka ratsy fanahy sady maditra, ianareo mpahay lalàna sady mpihatsaravelatsihy, satria mandatsaka ny fanorenan' ny devoly ianareo; satria mamelatra “fandrika sy tadivavarana hisamborana ireo masin' Andriamanitra ianareo.

18 Manao drafitra ianareo mba “hamadihana ny lalan' ny marina sy hampidinana ny fahatezeran' Andriamanitra eo ambony lohanareo, na dia ho faharavana tanteraka ho an' ity mponina ity aza izany.

19 Eny, rariny i Môsià izay mpanjakantsika farany raha niteny, nony efa nadiva hanolotra ny fanjakana izy, rehefa tsy nana olona hanankinana izany, ka ny feon' izy ireo ihany no nataony hanapaka ny olony — eny, rariny izy raha niteny fa raha avy ny fotoana izay “hifidianan' ny feon' ity vahoaka ity ny heloka, izany hoe, raha avy ny fotoana izay hahalavo ity vahoaka ity ao amin' ny fandikan-dalàna, dia masaka ho amin' ny faharavana izy.

20 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa rariny ny Tompo raha mitsara ny amin' ny helokareo; rariny Izy raha miantso ity vahoaka ity, amin' ny feon' ny “anjeliny hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra.

21 Eny, rariny Izy raha miantso

amin' ny feon' ny anjeliny hoe: “Izaho hidina eo anivon' ny vahoakako, miaraka amin' ny rariny sy hitsiny eo an-tanako.

22 Eny, ary lazaiko aminareo fa raha tsy noho ny “fivavaky ny marina izay eo amin' ny tany ankehitriny, izao ankehitriny izao ihany dia ho efa novangiana tamin' ny faharavana tantetraka ianareo; kanefa tsy ho amin' ny alalan' ny ^bsafo-drano toy ny nanjo ireo olona tamin' ny andron' i Noa izany, fa ho amin' ny alalan' ny mosary kosa sy ny areti-mandringana ary ny sabatra.

23 Nefa noho ny “fivavaky ny marina dia tsimbinina ianareo; koa ankehitriny, raha mandroaka ny marina hiala eo anivonareo ianareo, dia tsy hihazona ny tanany ny Tompo amin' izany; fa amin' ny fahatezerany mirehitra kosa no hivoahany hamely anareo; amin' izany ianareo dia hasiana amin' ny mosary sy amin' ny areti-mandringana ary amin' ny sabatra; ary efa akaiky sy antomotra ny ^bfotoana raha tsy mibebaka ianareo.

24 Ary ankehitriny, ny zavaintranga dia vao mainka koa tezitra tamin' i Amioleka ny mponina ary niantsoantso izy hoe: Ity lehilahy ity dia manaratsy ny lalàntsika izay marina sy ny mpahay lalàna hendry eto amintsika izay efa nofidintsika.

25 Nefa naninjitra ny tanany i

17b Mat. 3:7; Almà 9:8.

d F&F 10:21–27.

18a Asa 13:10.

19a Môsià 29:27;

Almà 2:3–7;

Hel. 5:2.

20a Almà 8:14–16; 13:22.

21a Môsià 13:34.

22a Jakoba 5:16;

Môsià 27:14–16.

b Gen. 8:21;

3 Ne. 22:8–10.

TSM Safo-drano

tamin' ny Andron' i Noa.

23a TSM Vavaka.

b Almà 34:32–35.

Amioleka ary niantso azy mafimafy kokoa, nanao hoe: E ianareo, taranaka ratsy fanahy sady maditra, nahoana i Satana no efa nahazo vahana be tao amponareo? Nahoana ianareo no hanolotra azy ny tenanareo mba hahazoany manana fahefana aminareo ka “hanajamba ny masonareo mba tsy ho azonareo ny teny izay voalaza, araka ny fahamarinany?

26 Nefa indro, moa efa nambarako va ny fanoherako ny lalànareo? Ianareo no tsy mahatakatra; milaza ianareo fa efa niteny nanohitra ny lalànareo aho; nefa tsy nanao izany aho, fa efa niteny kosa aho ho fiandaniako amin’ ny lalànareo, ho fanamelohana anareo.

27 Ary ankehitriny, indro lazai-ko aminareo fa ny fanorenana ny faharavan’ ity mponina ity dia manomboka alatsaka noho ny tsy fahamarinan’ ny “mpahay lalànareo sy ny mpitsaranareo.

28 Ary ankehitriny ny zavaintranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amioleka, dia nihiaka nanohitra azy ny mponina, nanao hoe: Ankehitriny, fantatsika fa ity lehilahy ity dia zanaky ny devoly, satria efa “nandainga tamintsika izy; fa efa niteny nanohitra ny lalàntsika izy. Ary ankehitriny milaza izy fa tsy niteny nanohitra izany.

29 Ary koa, efa nanaratsy ireo mpahay lalàntsika sy mpitsarantsika izy.

30 Ary ny zava-nitranga dia nalatsak’ ireo mpahay lalàna tao

am-pony izany, fa izy ireo dia tokony hahatsiaro ireo zavatra ireo hanoherana azy.

31 Ary nisy anankiray taminy izay i Zezrôma no anarany. Ankehitriny, dia izy no voalohany “niampanga an’ i Amioleka sy i Almà, fa izy no za-draharaha indrindra taminy, noho izy efa nanan-draharaha betsaka natao teo anivon’ ny vahoaka.

32 Ankehitriny, ny zava-kinendrin’ ireo mpahay lalàna ireo dia ny hahazo harena; ary nahazo harena izy ireo arakaraka ny asany.

TOKO 11

Aroso etoana ny rafi-bola Nefita—Nifanditra tamin’ i Zezrôma i Amioleka—Tsy hamonjy ny olona ao anatin’ ny otany i Kristy—Ireo izay mandova ny fanjakan’ ny lanitra ihany no voavonjy—Hitsangana ho tsy mety maty ny olona rehetra—Tsy misy fahafatesana aorian’ ny fitsanganana amin’ ny maty. Tokony ho 82 talohan’ i j.k.

ANKEHITRINY, tao amin’ ny lalàn’ i Môsià, ny olona tsirairay izay mpitsaran’ ny lalàna, na ireo izay voatendry ho mpitsara, dia tokony handray karama araka ny fotoana izay niasany mba hitsara ireo izay nentina teo anoloany mba hotsaraina.

2 Ankehitriny raha nananan’ ny hafa trosa ny olona anankiray ary tsy te hanefa izay tokony haloany izy, dia notarainina tany amin’ ny mpitsara izy; ary

nampiasa ny fahefany ny mpi-tsara ary nandefa ny sakaizam-bohitra mba hitondra azy eo anoloany; ary nitsara ilay olona izy araka ny lalàna sy ny porofo izay nentina niampangana azy, ary dia toy izany no nanerena ilay olona handoa ny trosany, na izy nendahina, na izy noroahina hiala teo anivon' ny vahoaka toy ny mpangalatra sy ny mpandroba.

3 Ary nandray ny karamany ny mpitsara araka ny fotoany — senina volamena iray ny indray andro, na senoma volafotsy iray izay mitovy amin' ny senina volamena iray; ary izany dia araka ny lalàna izay efa nomena.

4 Ankehitriny dia ireto no anaran' ny karazana vola samihafa tamin' ny volamenany sy tamin' ny volafotsiny, araka ny sandany. Ary ny anarana dia nomen' ny Nefita, satria tsy nanisa araka ny fanaon' ny Jiosy izay tao Jerosalema izy; no sady tsy namatra araka ny fanaon' ny Jiosy; fa novany ny fanisany sy ny famarany, araka ny fisainany sy ny toejavatra ny vahoaka, araka ny taranaka tsirairay, mandrapitondran' ireo mpitsara, ka i Môsià mpanjaka no “nametraka azy ireo.

5 Ankehitriny dia toy izao no fanisana — senina volamena iray, seona volamena iray, soma volamena iray ary limnà volamena iray.

6 Senoma volafotsy iray, amnôra volafotsy iray, ezirôma

volafotsy iray, ary aonty volafotsy iray.

7 Ny senoma volafotsy iray dia nitovy tamin' ny senina volamena iray, na koa tamin' ny varimbazaha iray famarana, ary koa tamin' ny famarana voamaina rehetra isan-karazany.

8 Ankehitriny ny vidin' ny seona volamena iray dia avo roa heny ny sandan' ny senina iray.

9 Ary ny soma volamena iray dia avo roa heny ny sandan' ny seona iray.

10 Ary ny limnà volamena iray dia nitovy tamin' ny sandan' izy rehetra.

11 Ary ny amnôra volafotsy iray dia tahaka ny haben' ny senoma roa.

12 Ary ny ezirôma volafotsy iray dia tahaka ny haben' ny senoma efatra.

13 Ary ny aonty iray dia tahaka ny haben' izy rehetra.

14 Ankehitriny dia izao ny sandan' ny vola madinika tamin' ny fanisany —

15 Ny siblôna iray dia antsa-saky ny senoma iray; koa ny siblôna iray dia nitovy tamin' ny antsa-saky ny varimbazaha iray famarana.

16 Ary ny sibloma iray dia antsa-saky ny siblôna iray.

17 Ary ny leà iray dia antsa-saky ny sibloma iray.

18 Ankehitriny dia ireo no sora-bolany araka ny fanisany.

19 Ankehitriny, ny antiona volamena iray dia mitovy amin' ny siblôna telo.

20 Ankehitriny, ny hany zava-kinendry dia ny hahazo harena, satria noraisiny arakaraka ny asany ny karamany, koa namporisihany ho amin' ny fikomiana ary ho amin' ireo fanakorontanana sy faharatsiana isan-karazany ny vahoaka, mba hahazoany asa bebe kokoa, mba "hahazoany vola arakaraka ny fitoriana izay nentina teo anoloany; koa namporisihany ny olona hanohitra an' i Almà sy i Amioleka.

21 Ary nanomboka nanontany an' i Amioleka io Zezrôma io, nanao hoe: Mety hamaly ahy amin' ny fanontaniana vitsivitsy izay hanontaniako anao ve ianao? Ankehitriny i Zezrôma dia lehilahy izay za-draharaha tamin' ny "tetiky ny devoly mba hahazoany mandrava izay tsara; noho izany dia hoy izy tamin' i Amioleka: Mety hamaly ny fanontaniana izay hanontaniako anao ve ianao?

22 Ary hoy i Amioleka taminy: Eny, raha araka ny "Fanahin' ny Tompo izay ato amiko izany; fa izaho tsy hilaza na inona na inona izay manohitra ny Fanahin' ny Tompo. Ary hoy i Zezrôma taminy: Indro, ireto ny aonty volafotsy enina, ary homeko anao izy rehetra ireto raha mety mandà ny fisian' Ilay Izy Faratampony ianao.

23 Ankehitriny dia hoy i Amioleka: Ry "zanaky ny helo, nahoana no ^bmaka fanahy ahy ianao? Moa mba fantatrao fa

ny marina dia tsy manaiky ny fakam-panahy toy izany?

24 Mino va ianao fa tsy misy Andriamanitra? Lazaiko aminao, Tsia, fantatrao fa misy Andriamanitra, saingy tianao bebe kokoa ity "harena ity noho Izy.

25 Ary ankehitriny, efa nandainga tamiko teo anoloan' Andriamanitra ianao. Hoy ianao tamiko—Indro ireto aonty enina ireto, izay misy sandany be, dia homeko anao—nefa ny ao am-ponao nihevitra ny hihazona azy ireo tsy ho ahy; ary ny hany fanirianao dia ny handavako an' Andriamanitra marina sy velona mba hanananao antony hamongorana ahy. Ary ankehitriny indro, noho izao haratsiana lehibe izao dia handray ny valiny ianao.

26 Ary hoy i Zezrôma taminy: Milaza ianao fa misy Andriamanitra marina sy velona?

27 Ary hoy i Amioleka: Eny, misy Andriamanitra marina sy velona.

28 Ankehitriny dia hoy i Zezrôma: Moa misy Andriamanitra mihoatra ny iray va?

29 Ary namaly izy, Tsia.

30 Ankehitriny dia hoy indray i Zezrôma taminy: Ahoana no ahafantaranao ireo zavatra ireo?

31 Ary hoy izy: "Anjely iray no efa nampahafantatra ahy ireo.

32 Ary hoy indray i Zezrôma: Iza no Ilay tsy maintsy ho avy? Moa ny Zanak' Andriamanitra va izany?

33 Ary hoy izy taminy, Eny.

20a Almà 10:32.

21a Almà 10:13.

22a TSM Fanahy Masina.

23a Almà 5:41.

^b TSM Fakam-panahy.

24a 1 Tim. 6:10; Tito. 1:11.

31a Almà 10:7–10.

34 Ary hoy indray i Zezrôma: Hamonjy ny olony “ao anatin’ ny fahotany va Izy? Ary namaly i Amioleka sady nanao taminy hoe: Lazaiko aminao fa tsy hanao izany Izy, satria tsy azony atao ny mandà ny teniny.

35 Ankehitriny dia hoy i Zezrôma tamin’ ny vahoaka: Aoka hotadidinareo ireo zavatra ireo; satria nilaza izy fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana; kanefa milaza izy fa ho avy ny Zanak’ Andriamanitra, saingy tsy hamonjy ny olony Izy — toy ny manana fahefana handidy an’ Andriamanitra izy.

36 Ankehitriny dia hoy indray i Amioleka taminy: Indro efa nandainga ianao, satria lazainao fa niteny toy ny manana fahefana handidy an’ Andriamanitra aho, noho izaho nilaza fa tsy hamonjy ny olony ao anatin’ ny fahotany Izy.

37 Ary lazaiko aminao indray fa tsy afaka mamonjy azy ao amin’ ny “fahotany Izy; fa tsy afaka mandà ny teniny aho, ary efa nilaza Izy fa ^btsy misy zavatra tsy madio afaka mandova ny ^dfanjakan’ ny lanitra; noho izany, ahoana no ahazoana mamonjy anareo, raha tsy mandova ny fanjakan’ ny lanitra ianareo? Koa ianareo dia tsy azo vonjena ao amin’ ny fahotanareo.

38 Ankehitriny dia hoy indray i Zezrôma taminy: Moa ny Zanak’ Andriamanitra tokoa va no Ray Mandrakizay?

39 Ary hoy i Amioleka taminy: Eny, Izy tokoa no “Ray Mandrakizain’ ny lanitra sy ny tany ary ny ^bzava-drehetra izay eo aminy; Izy no fiandohana sy fiasarana, ny voalohany sy ny farany;

40 Ary ho tonga eo amin’ “izao tontolo izao Izy mba ^bhanavotra ny olony; ary ^dhaka eo Aminy ny fandikan-dalàn’ ireo izay mino ny anarany Izy; ary ireo no ireo izay hahazo ny fiainana mandrakizay, ary tsy tonga amin’ ny hafa ny famonjena.

41 Koa ny ratsy dia mijanona ho toy ny “tsy nisy fanavotana efa natao, afa-tsy ny famahana ny famatoran’ ny fahafatesana; satria indro, avy ny andro izay hitsanganan’ ny ^brehetra amin’ ny maty sy hijoroany eo anoloan’ Andriamanitra, ary ^dhotsaraina araka ny asany.

42 Ankehitriny dia misy fahafatesana izay antsoina hoe fahafatesan’ ny nofo; ary ny fahafatesan’ i Kristy no hamaha ny “famatoran’ ny fahafatesan’ ny nofo, mba hitsanganan’ ny rehetra amin’ ity fahafatesan’ ny nofo ity.

43 “Hakambana indray ao amin’ ny endriny tomombana

34a Hel. 5:10–11.

37a 2 Tan. 6:9–10.

b 1 Ne. 15:33;

Almà 40:26;

3 Ne. 27:19.

tsm Tsy an’

Andriamanitra.

d tsm Fanjakan’

Andriamanitra na

Fanjakan’ ny Lanitra.

39a Isa. 9:6.

b Kol. 1:16; Môsià 4:2.

40a tsm Izao Tontolo Izao.

b Roma. 11:26–27.

d Eks. 34:6–7;

Isa. 53:5; 1 Jn. 2:2;

Môsià 14:5; 15:12;

F&F 19:16–19.

41a Almà 12:18;

F&F 88:33.

b Fan. 20:12–13;

Almà 42:23.

d tsm Fitsarana

Farany, Ny.

42a Almà 12:16.

43a 2 Ne. 9:13;

Almà 40:23.

ny fanahy sy ny vatana; ny rantsambatana sy ny vanintaolana dia samy haverina amin' ny tena endriny, toa antsika ankehitriny amin' izao fotoana izao; ary hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra isika, mahafantatra tahaka ny ahafantarantsika ankehitriny ary manana ny ^bfitadidiana mazava ny ^dhadisoantsika rehetra.

44 Ankehitriny, ity famerenana amin' ny laoniny ity dia ho tonga amin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olon' afaka, na lahy na vavy, na ny ratsy na ny marina; ary tsy hisy na dia singam-bolo iray amin' ny lohany aza ho very; fa ny zavatra tsirairay kosa dia ^ahaverina amin' ny endriny to-mombana toy ny ankehitriny, na ao amin' ny vatana, ary hoentina sy hadinina eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy Zanaka sy Andriamanitra ^bRay ary ny Fanahy Masina, izay Andriamanitra ^ciray Mandrakizay mba ^ehotsaraina araka ny asany, na tsara izany na ratsy.

45 Ankehitriny, indro, efa niteny taminareo ny momba ny fahafatesan' ny vatana mety maty aho ary koa ny momba ny ^afitsanganan' ny vatana mety maty amin' ny fahafatesana. Lazaiko aminareo fa ity vatana mety maty ity dia ^batsangana ho ^cvatana tsy mety maty, izany hoe avy amin' ny fahafatesana,

dia ny fahafatesana voalohany ho amin' ny fiainana mba tsy ^ahahafaty azy intsony; ny fanahiny dia mikambana amin' ny vatany ka tsy hisaraka intsony; izy manontolo amin' izany dia zary ^fara-panahy sy tsy mety maty mba tsy hahafahany mahita intsony ny fahalovana.

46 Ankehitriny, nony efa nahavita ireo teny ireo i Amioleka dia nanomboka ho gaga ny mponina, ary nanomboka nangovitra koa i Zezrôma. Ary dia toy izany no nifaranan' ny tenin' i Amioleka, na izay ihany no efa nosoratako.

TOKO 12

Nifanditra tamin' i Zezrôma i Almà —Ny misterin' Andriamanitra dia tsy azo omena afa-tsy ireo mahatoky —Tsaraina araka ny eritreriny, ny finoany, ny teniny ary ny asany ny olona —Hiaritra ny fahafatesam-panahy ny ratsy —Fotoana fizahan-toetra ity fiainana mety maty ity —Ny drafitry ny fanavotana no manatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty ary ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana —Izay mibebaka dia manan-jo amin' ny famindram-po amin' ny alalan' ny Zanaka Lahitokana. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY i Almà, rehefa nahita fa efa nahasina an' i Zezrôma ny tenin' i Amioleka,

43b 2 Ne. 9:14;

Môsà 3:25;

Almà 5:18.

^d TSM Heloka.

44a Almà 41:12–15.

^b TSM Andriamanitra—

Andriamanitra Ray.

^d 3 Ne. 11:27, 36.

TSM Andriamanitra.

^e Fan. 20:12–13.

45a Almà 40:23;

F&F 88:16.

^b TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

^d TSM Tsy Fahafatesana.

^e Fan. 21:4;

F&F 63:49; 88:116.

^f 2 Tan. 15:44.

satria nahita izy fa i Amioleka dia nahatratra azy tamin' ny "laingany sy ny famitahany mba hamongorana azy, ary rehefa nahita fa nanomboka nangovitratra izy noho ny ^bfahatsapana ny hadisoany, dia nisoka-bava sy nanomboka niteny taminy sy nanamafy ny tenin' i Amioleka ary nanazava mihoatra, na namelabelatra ny soratra masina mihoatra noho izay efa nataon' i Amioleka.

2 Ankehitriny ny teny izay notenenin' i Almà tamin' i Zezrôma dia ren' ny mponina manodidina; satria betsaka ny vahoaka, ary niteny toy izao izy:

3 Ankehitriny ry Zezrôma, noho ianao efa tratra tamin' ny lainganao sy ny famitahanao, satria tsy nandainga tamin' ny olona ihany ianao fa efa nandainga tamin' Andriamanitra; satria indro, mahalala ny "eritreritrao rehetra Izy, ary hitanao fa ny eritreritrao dia nampahafantarina anay tamin' ny alalan' ny Fanahiny;

4 Ary hitanao fa fantatray fa ny tetikao dia tetika tena fetsy, araka ny hafetsen' ny devoly mba handaingana sy hamitahana ity vahoaka ity, mba hahazoanao mamporisika azy hanohitra anay, hanaratsy anay sy handroaka anay—

5 Ankehitriny, izany no tetiky ny "fahavalonao, ary efa nampihariny taminao ny fahefany. Ankehitriny, dia mba tiako ny hitadidianao fa izay lazaiko anao dia lazaiko ny rehetra.

6 Ary indro lazaiko anareo rehetra fa izany no fandriky ny fahavalo, izay efa novelariny hisamborana ity vahoaka ity, hahazoany mitondra anareo ho amin' ny fanoavana azy, ka ho azony hahodidina anareo ny "gadrany, mba hahazoany managadra anareo ho amin' ny faharavana maharitra mandrakizay, araka ny herin' ny fambaboany.

7 Ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nanomboka nangovitratra fatratra tokoa hatrany i Zezrôma, satria efa resy lahatra hatrany hatrany izy ny amin' ny herin' Andriamanitra; ary efa resy lahatra koa izy fa i Almà sy i Amioleka dia nanana fahalalana ny aminy, satria resy lahatra izy fa izy ireo dia nahalala ny eritreritra sy ny fikasan' ny fony; satria fahefana no nomena azy ireo mba hahazoany mahalala ny amin' ireo zavatra ireo araka ny fanahin' ny faminiana.

8 Ary nanomboka nanadina azy ireo tamim-pahazotoana tokoa i Zezrôma mba hahazoany mahalala misimisy kokoa ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Ary hoy izy tamin' i Almà: Inona no tian' i Amioleka lazaina raha niteny izy ny amin' ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty, fa ny rehetra no hitsangana amin' ny maty, na ny marina na ny tsy marina, ary hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra mba hotsaraina araka ny asany?

9 Ary ankehitriny dia nanomboka namaofivaofy ireo zavatra ireo taminy i Almà, nanao hoe: Efa nomena ny maro ny hahala-la ny “misterin’ Andriamanitra; kanefa nofeperana tamin’ ny didy henjana ireo ny tsy hizara ^braha tsy arakaraka ny ampahany amin’ ny teniny izay omeny ho an’ ny zanak’ olombelona, araka ny fitandremana sy ny fahazotoana izay asehony Azy.

10 Ary noho izany, izay ^amanamafy ny fony dia izy no mandray ny ampahany ^bkely indrindra amin’ ny teny; ary izay ^dtsy manamafy ny fony dia izy no ^eomena ny ampahany betsaka indrindra amin’ ny teny, mandra-panomezana azy ny fahafantarana ny misterin’ Andriamanitra mandra-pahafantarany izany tanteraka.

11 Ary ireo izay manamafy ny fony dia ireo no omena ny ^aampahany kely indrindra amin’ ny teny mandra-pahatonga azy ireo tsy ^bhahafantatra na inona na inona ny amin’ ny misteriny; ary amin’ izany izy ireo dia entin’ ny devoly ho babo ary tarihin’ ny sitrapony hidina any amin’ ny famongorana. Ankehitriny dia izay no tian-kambara amin’ ny hoe ^dgadran’ ny ^ehelo.

12 Ary i Amioleka dia efa nila-

za mazava tokoa momba ny ^afahafatesana sy ny amin’ ny fitsanganana avy amin’ ity mety maty ity ho amin’ ny toetry ny tsy mety maty ary ny fitondrana eo anoloan’ ny toeram-pitsaran’ Andriamanitra mba ^bhotsaraina araka ny asantsika.

13 Raha amafisina ny fontsika amin’ izany, eny, raha efa manamafy ny fontsika isika hanohitra ny teny, hany ka tsy hita amin-tsika izany, dia hahatsiravina ny toetrantsika amin’ izany, fa ho voaheloka isika amin’ izany.

14 Satria hanameloka antsika ny ^atenintsika, eny, ny asantsika rehetra no hanameloka antsika; tsy ho hita tsisy pentina isika; ary hanameloka antsika koa ny eritreritsika; ary amin’ izany toetra mahatsiravina izany isika dia tsy ho sahy ny hiandrandra ny Andriamanitsika; ary ho faly aza isika raha afaka mibaiko ny vatolampy sy ny ^btendrom-bohitra hianjera amintsika mba ^dhanafina amintsika ny tavany.

15 Saingy tsy azo atao izany; tsy maintsy mandroso isika sy mijoro eo anoloany, eo amin’ ny voninahiny sy eo amin’ ny fahefany ary eo amin’ ny heriny, fiandrianany ary fanapahany, ary miaiky ao amin’ ny ^ahenatsika maharitra mandrakizay fa

9a Almà 26:22.
TSM Misterin’
Andriamanitra.

b Jao. 16:12;
Almà 29:8;
3 Ne. 26:8–11;
Etera 4:7.

10a 2 Ne. 28:27; Etera 4:8.

b F&F 93:39.
d TSM Fanetren-tena.

e 2 Ne. 28:30;
F&F 50:24.

11a Mat. 25:29.

b TSM Apôstazia.
d Jao. 8:34;
2 Ne. 28:19.

e Ohab. 9:18;
2 Ne. 2:29.
TSM Helo.

12a Almà 11:41–45.

b TSM Fitsarana
Farany, Ny.

14a Mat. 12:36;

Jakoba 3:6;
Môsîà 4:29–30.

b Hosea 10:8;
2 Ne. 26:5.

d Joba 34:22;
2 Ne. 12:10.

15a Môsià 3:25.

ny ^bfitsarany rehetra dia marina; fa marina amin' ny asany rehetra Izy, ary feno famindram-po amin' ny zanak' olombelona Izy ary manana ny hery rehetra hamonjy ny olona tsirairay izay mino ny anarany ary mamoa voa miendrika ny fibebahana.

16 Ary ankehitriny, indro lazaiko anareo fa tonga ny fahafatesana amin' izany, dia ny "fahafatesana faharoa izay fahafatesam-panahy; izany no fotoana ka na zovy na zovy no maty ao amin' ny fahotany, araka ny ^bfahafatesan' ny nofo, dia ho ^dmaty koa araka ny fahafatesam-panahy; eny, ho maty izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

17 Izany no fotoana ka ny fijaliany dia ho toy ny "farihy afo sy solifara izay misonandrotra miakatra mandrakizay mandrakizay ny lelafony; ary izany no fotoana izay hanagadrana azy amin' ny faharavana maharitra mandrakizay, araka ny hery sy ny fambaboan' i Satana, rehefa nampanaoviny araka ny sitrapony izy.

18 Amin' izany dia lazaiko anareo fa izy dia ho tahaka ny "tsy nisy fanavotana natao; fa tsy azo avotana araka ny fahamarinan' Andriamanitra izy; ary tsy mety ^bmaty izy satria tsy misy intsony ny fahalovana.

19 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa namarana ny filazany ireo teny ireo i Almà, dia nanomboka ho gaga kokoa ny vahoaka;

20 Fa nisy anankiray atao hoe Antiônà, izay lohan' ny mpifehy teo aminy, nandroso ary nanao taminy hoe: Inona ange ity nolazainao ity, fa hitsangana amin' ny maty ny olona ary hovana avy amin' ity mety maty ity ho amin' ny "toetry ny tsy mety maty, ka ny fanahy dia tsy mety maty na oviana na oviana?

21 Inona no tian' ny soratra masina holazaina amin' ny hoe, fa Andriamanitra efa nampitoetra ny "kerobima sy ny lelafon-tsabatra tany atsinanan' ny saha ^bEdena, fandrao hiditra ireo ray aman-drenintsika voalohany ary hihinana amin' ny voan' ny hazon' aina ka ho velona mandrakizay? Ary dia hitantsika amin' izany fa tsy nisy fomba mba hahavelomany mandrakizay.

22 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Izany no zavatra izay efa saika hohazavaiko. Ankehitriny dia hitantsika fa "lavo i Adama noho ny nihinanany ny ^bvoankazo voarara, araka ny tenin' Andriamanitra; ary hitantsika amin' izany, fa noho ny fahalavoany, ny olombelona

15b 2 Pet. 2:9.

TSM Fahamarinana.

16a TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

b Almà 11:40-45.

d 1 Ne. 15:33;

Almà 40:26.

17a Fan. 19:20; 21:8;

Môsià 3:27.

18a Almà 11:41.

b Fan. 21:4;

Almà 11:45;

F&F 63:49.

20a TSM Tsy Fahafatesana.

21a Gen. 3:24;

Almà 42:2;

Mos. 4:31.

TSM Kerobima.

b TSM Edena.

22a TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

b Gen. 3:6;

2 Ne. 2:15-19;

Môsià 3:26.

rehetra dia nanjary olona ^dvery sy lavo.

23 Ary ankehitriny indro, lazaiko anareo, fa raha azon' i Adama natao ny "nihinana tamin' ny voan' ny hazon' aina tamin' izay fotoana izay, dia tsy ho nisy ny fahafatesana, ary ho nanjary foana ny teny, ka manao an' Andriamanitra ho mpandainga izany, satria niteny Izy hoe: ^bRaha mihinana ianao, dia ho faty marina tokoa.

24 Ary hitantsika fa tonga amin' ny olombelona ny "fahafatesana, eny, ny fahafatesana izay efa notenenin' i Amioleka, izay fahafatesan' ny nofo; na dia eo aza izany dia nisy ny fotoana nomena ny ^bolona izay hahazoa-ny mibebaka ao anatin' izany; noho izany ity fiainana ity dia nanjary fotoana fizahan-toetra; fotoana ^dhiomanana hihaonana amin' Andriamanitra; fotoana hiomanana ho amin' ilay toetra tsisy fiafarany izay efa nolazainay, izay aorian' ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.

25 Ankehitriny, raha tsy nisy ny ^ddrafitry ny fanavotana izay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao, dia tsy ho nety nisy ny ^bfitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty; saingy nisy ny drafity ny fanavotana voaomana, izay hanatanteraka ny fitsanganan' ireo

nodimandry amin' ny maty, izay efa noresahana.

26 Ary ankehitriny, indro, raha toa ka azon' ireo ray aman-drenintsika voalohany natao ny nandroso sy nihinana tamin' ny "hazon' aina, dia ho efa fadiranovana mandrakizay izy ireo, satria tsy nanana toetra fiomanana; ary amin' izany ny ^bdrafitry ny fanavotana dia ho efa voasampona, ary ny tenin' Andriamanitra dia ho efa foana, tsy ho nisy vokany.

27 Nefa indro, tsy izany no izy; satria efa ^dvoatendry ho an' ny olona fa tsy maintsy ho faty izy; ary aorian' ny fahafatesana dia tsy maintsy mandalo ^bfitsarana izy, io ihany ilay fitsarana izay efa noresahinay, izay farany.

28 Ary taorian' ny efa nanendren' Andriamanitra fa ireo zavatra ireo dia ho tonga amin' ny olona, dia indro, nahita Izy tamin' izany fa nilaina ny hafantaran' ny olona ny amin' ny zavatra izay efa notendreny ho azy;

29 Noho izany Izy dia naniraka ^aanjely hitafa aminy, izay nanao ny hahitan' ny olona ny ampahany amin' ny voninahiny.

30 Ary nanomboka nantsoiny ny anarany hatramin' izay fotoana izay; koa ^aniresaka tamin' ny olona Andriamanitra ka

22d Môsià 16:4-5.

23a Almà 42:2-9.

^b Gen. 2:17.

24a TSM Fahafatesan' ny Vatana.

^b 2 Ne. 2:21;

Mos. 5:8-12.

^d Almà 34:32-35.

25a TSM Drafity ny Fanavotana.

^b 2 Ne. 2:8;

Almà 7:12; 42:23.

26a Gen. 2:9; 1 Ne. 15:36;

Almà 32:40.

^b Almà 34:8-16; 42:6-28;

Mos. 6:59-62.

27a Joba 7:1;

Heb. 9:27;

F&F 42:48.

^b TSM Fitsarana

Farany, Ny.

29a Môrô. 7:25, 31;

F&F 29:42.

30a Mos. 5:4-5; 6:51.

nampahafantatra azy ny ^bdrafitry ny fanavotana, izay efa voaomana hatry ny ^afanorenana izao tontolo izao; ary izany dia nampahafantariny azy araka ny finoany sy ny fibebahany ary ireo asany masina.

31 Koa nomeny ho an' ny olona ny ^adidy, satria tany am-boalohany dia efa nandika ny ^bdidy voalohany izy raha ny amin' ny zavatra izay ara-nofo, ka nanjary toy ireo andriamanitra, ^anahalala ny tsara sy ny ratsy, satria nametraka ny tenany teo amin' ny toetry ny ^cmpanao, na napetraka teo amin' ny toetry ny mpanao araka ny sitrapony sy ny faniriany, na hanao ny ratsy na hanao ny tsara —

32 Koa nomen' Andriamanitra ho azy ny didy, rehefa ^anampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana mba tsy hanaovany ny ratsy, satria ny famaizana amin' izany dia ny ^bfahafatesana faharoa izay fahafatesana maharitra mandrakizay raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana; fa ho an' ny toy ireny, ny drafitry ny fanavotana dia tsy mety manan-kery, fa araka ny hatsaram-po faratampony an' Andriamanitra, ny asan' ny ^afahamarinana dia tsy azo ravana.

33 Nefa niantso ny olona Andriamanitra tamin' ny anaran' ny Zanany (izany no drafitry ny

fanavotana izay efa voaomana) nanao hoe: Raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia hamindra fo aminareo Aho amin' izany, amin' ny alalan' ny Zanako Lahitokana;

34 Koa na zovy na zovy no mibebaka sy tsy manamafy ny fony dia izy no hanan-jo amin' ny ^afamindram-po amin' ny alalan' ny Zanako Lahitokana, ho ^bfamelana ny fahotany; ary hidiitra ao amin' ny ^afitsaharako izy.

35 Ary na zovy na zovy no manamafy ny fony sy manao heloka, dia indro, mianiana amin' ny fahatezerako Aho fa tsy hidiitra ao amin' ny fitsaharako izy.

36 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, indro, lazaiko anareo fa raha manamafy ny fonareo ianareo, dia tsy hidiitra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo ianareo; koa mihantsy Azy ny helokareo ka mandefa ny fahatezerany aminareo Izy, toy ny tamin' ny ^afiantsiana voalohany, eny, araka ny teniny tamin' ny fihantsiana farany tahaka ny tamin' ny voalohany, ho ^bfaharavana maharitra mandrakizay ho an' ny fanahinareo; noho izany, araka ny teniny, dia ho fahafatesana farany tahaka ny voalohany.

37 Ary ankehitriny ry rahalahiko, satria mahalala ireo zavatra ireo isika, ary marina ireo, dia aoka isika hibe-baka sy tsy ha-

30b TSM Drafitry ny Fanavotana.
d Môsià 18:13;
Almà 13:3, 5, 7–8.
31a TSM Didin' Andriamanitra.
b Gen. 2:16–17;
2 Ne. 2:18–19.

d Gen. 3:22–23;
Mos. 4:11.
e 2 Ne. 2:16.
TSM Safidy.
32a Mos. 5:4–9.
b TSM Fahafatesana Ara-panahy.
d Môsià 15:27;

Almà 34:15–16; 42:15.
34a TSM Famindram-po.
b TSM Famelana ny Fahotana.
d TSM Fitsaharana.
36a Jakôba 1:7–8;
Almà 42:6, 9, 14.
b TSM Fahamelohana.

namafy ny fontsika mba tsy "hihantsiantsika ny Tompo Andriamanitsika ka hampianjera ny fahatezerany amintsika ao amin' ireto didiny faharoa ireto izay efa nomeny antsika; fa aoka isika hiditra ao amin' ny ^bfitsaharan' Andriamanitra, izay efa voaomana araka ny teniny.

TOKO 13

Antsoina ho mpisorona avo ny lehilahy noho ny finoany fatratra sy ny asa soany—Tokony hampianatra ny didy izy—Amasinina amin' ny fahamarinana izy ary miditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo—Anankiray taminy i Melkizedek—Nilaza ny vaovao mahafaly eran' ny tany ny anjely—Hanambara ny tena fiavian' i Kristy izy. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ARY ankoatra izany, ry rahalahiko, dia mba tiako ny hampitodika ny sainareo hankamin' ny fotoana izay nanomezan' ny Tompo Andriamanitra ny zanak' olombelona ireo didy ireo; ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa ny Tompo Andriamanitra dia "nanendry mpisorona, araka ny lamin' masina izay araka ny lamin' ny Zanany, mba hampianatra ny olona ireo zavatra ireo.

2 Ary ireo mpisorona ireo dia notendrena araka ny "lamin' ny

Zanany, tamin' ny ^bfomba izay nahazoan' ny olona mahalala ny fomba hiandrdrana ny Zanany ho fanavotana.

3 Ary izao no fomba izay efa nanendrena azy—rehefa "nantsoina sy ^bnomanina hatry ny "fanorenana izao tontolo izao izy, araka ny "fahalalana mialoha tao amin' Andriamanitra, noho ny finoany fatratra sy ny asa soany; tany am-piandohana dia navela ^fhifidy na ny tsara na ny ratsy izy; koa satria efa nifidy ny tsara sy nampihatra ^sfinoana be izaitsizy tokoa izy, dia "nantsoina tamin' ny antso masina, eny, tamin' ity antso masina ity izay efa voaomana miaraka amin' ny fanavotana fiomanana ary araka izany, ho an' ny toa azy.

4 Ary dia toy izany no efa "niantsoana azy ho amin' ity antso masina ity noho ny finoany, raha ny hafa kosa nandà ny Fanahin' Andriamanitra noho ny hamafin' ny fony sy ny fahajamban' ny sainy, kanefa raha tsy nisy izany dia mety ho efa nahazo ^btombontsoa lehibe tahaka ireo rahalahiny izy.

5 Na raha fintinina, tany ampiandohana dia toe-javatra "iray ihany no niaingany niaraka tamin' ny rahalahiny; noho izany, ity antso masina ity dia efa voaomana hatry ny fanorenana

37a 1 Ne. 17:30;

Jakôba 1:8;

Hel. 7:18.

b Almà 13:6-9.

13 1a Abr. 2:9, 11.

2a F&F 107:2-4.

b Almà 13:16.

3a F&F 127:2.

TSM Fifidianana;

Fanokanana Mialoha.

b F&F 138:55-56.

d Almà 12:25, 30.

TSM Fiainana

Talohan' ny Fiainana

An-tany.

e F&F 38:2.

f TSM Safidy.

g TSM Finoana.

h TSM Antso, Antsoin'

Andriamanitra;

Fisoronana.

4a Etera 12:10.

b 1 Ne. 17:32-35.

5a 2 Ne. 26:28.

izao tontolo izao ho an' ny toy ireo izay tsy hanamafy ny fony, ao anatin' sy amin' ny alalan' ny sorompanavotan' ny Zanaka Lahitokana, izay efa voaomana —

6 Ary rehefa nantsoina tamin' ity antso masina ity toy izany izy, sy notendrena ho amin' ny fisoronana avon' ny lamina masin' Andriamanitra, mba hampianatra ny didiny amin' ny zanak' olombelona, mba hahazoany koa miditra ao amin' ny "fitsaharany —

7 Ity fisoronana avo araka ny lamin' ny Zanany ity, izay lamina nisy hatry ny fanorena-na izao tontolo izao; na amin' ny teny hafa, "tsy nisy fiandohan' andro na fiafaran-taona, efa voaomana hatrizay hatrizay ary ho mandrakizay, araka ny ^bfahalalany mialoha ny zava-drehetra —

8 Ankehitriny dia "notendrena araka izao fomba izao izy — nantsoina tamin' ny antso masina izy ary notendrena tamin' ny ôrdônansy masina sy nitondra teo amin' ny tenany ny fisoronana avon' ny lamina masina, izay antso sy ôrdônansy ary fisoronana avo tsy misy fiandohana na fiafaràna —

9 Dia toy izany no maha-^ampisorona avo mandrakizay azy, araka ny lamin' ny Zanaka, ny

Lahitokan' ny Ray, izay tsy misy fiandohan' andro na fiafaran-taona, izay feno ^bfahasoavana, hitsiny ary fahamarinana. Ary dia izany no izy. Amenà.

10 Ankehitriny, toy ny nola-zaiko momba ny lamina masina, na ity "fisoronana avo ity, dia nisy maro ireo izay notendrena sy lasa mpisorona avon' Andriamanitra; ary izany dia noho ny finoany fatratra sy ny ^bfibebahany ary ny fahamari-nany teo anoloan' Andriamanitra, rehefa nifidy ny hibebaka sy hanao ny marina izy ireo toy izay ny ho faty;

11 Koa nantsoina araka ity lamina masina ity izy ireo ary efa "nohamasinina sy nosasana ho fotsy tamin' ny ran' ny Zanakondry ny ^bfitafiany.

12 Ankehitriny, rehefa "nohamasinina tamin' ny ^bFanahy Masina izy ireo, rehefa nofo-tsiana ny fitafiany ka ^amadio sy tsisy pentina eo anatrehan' Andriamanitra izy ireo, dia tsy afaka ny hihevitra ny ^afahotana afa-tsy amin' ny ^frikoriko; ary nisy maro, marobe izaitsizy tokoa, izay efa nodiovina ary niditra ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

13 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia mba tiako ny hanetrenareo tena eo anoloan' Andriamanitra ary ny hamoazanareo ny

6a Almà 12:37; 16:17.

TSM Fitsaharana.

7a Heb. 7:3.

^b TSM Andriamanitra.

8a F&F 84:33-42.

TSM Fisoronana

Melkizedeka.

9a TSM Mpisorona Avo.

b 2 Ne. 2:6.

TSM Fahasoavana.

10a F&F 84:18-22.

^b TSM Fibebahana.

11a Mos. 6:59-60.

^b 1 Ne. 12:10;

Almà 5:21-27;

3 Ne. 27:19-20.

12a Roma. 8:1-9.

TSM Fanamasinana.

^b TSM Fanahy Masina.

^d TSM Madio.

^e Môsià 5:2;

Almà 19:33.

^f Ohab. 8:13;

Almà 37:29.

“voa miendrika ny fibebahana mba hahazoanareo koa miditra amin’ izany fitsaharana izany.

14 Eny, manetre tena ianareo, toy ny olona tamin’ ny andron’ i “Melkizedeka, izay mpisorona avo koa araka io lamina io ihany izay noresahiko, izay nandray teo amin’ ny tenany koa ny fisoronana avo mandrakizay.

15 Ary izy ihany ilay Melkizedeka izay nandoavan’ i “Abrahama ny ^bfahafolonkarena; eny, na dia i Abrahama rain-tsika aza dia nandoa ho fahafolonkarena ny ampahafolony tamin’ izay rehetra nananany.

16 Ankehitriny ireo “ôrdônansy ireo dia nomena araka izany fomba izany mba hahazoan’ ny olona miandrindra ny Zanak’ Andriamanitra, izany moa dia ^btandindon’ ny laminy, na iza-ny no laminy, ary izany dia ny mba hahazoany miandrindra Azy ho famelana ny fahotany ka hahazoany miditra ao amin’ ny fitsaharan’ ny Tompo.

17 Ankehitriny, io Melkizedeka io dia mpanjaka teo amin’ ny tanin’ i Salema; ary ny olony dia efa niha-nahery tamin’ ny heloka sy ny fahavetavetana; eny efa naniaisia izy rehetra; fenon’ ny fomban’ ny faharatsiana rehetra izy ireo.

18 Fa i Melkizedeka kosa, rehefa nampihatra finoana mahery sy nandray ny raharahan’ ny

fisoronana avo araka ny “lamina masin’ Andriamanitra, dia nitony fibebahana tamin’ ny olony. Ary indro, nibekaka ireo; ary i Melkizedeka dia nanorina fiadanana teo amin’ ny tany tamin’ ny androny; koa nantsoina hoe andrian’ ny fiadanana izy, fa izy no mpanjakan’ i Salema; ary izy dia nanjaka teo ambany fanapahan-drainy.

19 Ankehitriny dia nisy “maro talohany ary nisy maro koa taoriany, saingy ^btsy nisy lehibebe kokoa; noho izany dia izy no efa nasian-dry zareo teny manokana tokoa.

20 Ankehitriny tsy ilaiko ny mitantara ny antonantony; izay efa voalazako dia mety ho ampy. Indro eo anoloanareo ny “soratra masina; raha ^bhovainareo izany dia hanjary ho fan-dravana anareo.

21 Ary ankehitriny ny zavannitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Almà, dia naninjitra ny tanany nankany aminy izy ary nihiaka tamin’ ny feo mahery, nanao hoe: Izao no fotoana “fibebahana fa manakaiky ny androm-pamonjena;

22 Eny, ary ny feon’ ny Tompo, amin’ ny “vavan’ ny anjely, dia milaza izany amin’ ny firenendrehetra; eny, milaza izany izy mba hahazoan’ izy ireo manana ny vaovao mahafalin’ ny fifaliana lehibe; eny, ary Izy dia

13a Lio. 3:8.

14a F&F 84:14. djs,
Gen. 14:25–40.
TSM Melkizedeka.

15a TSM Abrahama.
^b Gen. 14:18–20;
Mal. 3:8–10.

TSM Fahafolonkarena.

16a TSM Ôrdônansy.
^b TSM Fanehoana an’
Ohatra.

18a TSM Fisoronana
Melkizedeka.

19a Hel. 8:18;

F&F 84:6–16; 107:40–55.

^b F&F 107:1–4.

20a TSM Soratra Masina.

^b 2 Pet. 3:16;

Almà 41:1.

21a TSM Fibebahana.

22a Almà 10:20.

mampanehoeho ireny vaovao mahafaly ireny eo anivon' ny olony rehetra, eny, na dia ho an' ireo izay miely patrana lavitra ambonin' ny tany aza; noho izany dia tonga tatỳ amintsika ireny.

23 Ary ampahafantarina antsika amin' ny "teny tsotra ireny, mba hahatakarantsika ka tsy hahafahantsika mandiso; ary izany dia noho isika ^bmpirenireny an-tany tsy fantatra; koa araka izany dia ankasitrahana fatratra tokoa isika, satria azontsika ireny vaovao mahafaly ireny, voalaza amintsika ao amin' ny faritra rehetra amin' ny tanimbolintsika.

24 Fa indro, "anjely no milaza izany amin' ny maro amin' izao fotoana izao eto amin' ny tanintsika; ary izany, dia noho ny fikasana hanomana ny fon' ny zanak' olombelona handray ny teniny amin' ny fotoana hiaviny amin' ny voninahiny.

25 Ary ankehitriny ny hany andrasantsika dia ny handre ny vaovao mahafaly ambara amin-tsika amin' ny vavan' ny anjely ny amin' ny hiaviny; fa tonga ny fotoana, tsy "fantatsika ny maha antomotra izany. Enga anie Andriamanitra ka mba ho amin' ny androko izany; nefa na ho ela na ho haingana dia amin' izany no hifaliako.

26 Ary izany dia hampahafantarina ny "olona marina sy ma-

sina amin' ny vavan' ny anjely, amin' ny fotoana hiaviany mba ho tanteraka ny tenin' ny razantsika, araka izay efa nolazainy momba Azy, izay araka ny fanahin' ny faminaniana izay tao amin' izy ireo.

27 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia "iriako hatrany amin' ny aty foko indrindra, eny, amin' ny tebiteby lehibe, amin' ny fanaintainana aza ny hihainoanareo ny teniko sy ny hanarianareo ny fahotanareo ary ny tsy hanemoranareo ny andron' ny fibebahanareo;

28 Fa ny mba hanetrenareo tena kosa eo anoloan' ny Tompo sy ny hiantsoanareo ny anarany masina ary ny "hiambenanareo sy ny hivavahanareo lalandava mba tsy hahazoana ^bmaka fanahy anareo mihoatra noho izay azonareo zakaina, ary dia hotarihin' ny Fanahy Masina toy izany ka lasa manetry tena, "malemy fanahy, manoa, manam-paharetana, feno fitiavana sy ny fahari-po rehetra;

29 "Manana finoana ny Tompo; manana fanantenana fa ho azonareo ny fiainana mandrakizay; manana ny ^bfitiavana an' Andriamanitra mandrakariva ao am-ponareo mba ho azo hasandratra ianareo amin' ny andro farany ary hiditra ao amin' ny "fitsaharany.

30 Ary eng a nie ny Tompo hanaiky ny fibebahanareo mba

23a 2 Ne. 25:7–8; 31:3; 32:7;
Jakôba 4:13;
Etera 12:39.
b Jakôba 7:26.
24a Almà 10:10; 39:19.
25a 1 Ne. 10:4; 3 Ne. 1:13.

26a Amo. 3:7;
Lio. 2:8–11.
27a Môsià 28:3.
28a TSM Vavaka;
Mpiambina.
b 2 Tan. 10:13.

d TSM Halemem-
panahy; Faharetana.
29a Almà 7:24.
b F&F 20:31; 76:116.
TSM Fiantrana.
d F&F 84:24.

tsy hahazoanareo mampidina ny fahatezerany eo aminareo, mba tsy hahazoana mamatotra anareo amin' ny gadran' ny "helo, mba tsy hahazoanareo miaritra ny ^bfahafatesana faharoa.

31 Ary nilaza teny maromaro kokoa tamin' ny olona i Almà, izay tsy voasoratra ao anatin' ity boky ity.

TOKO 14

Naiditra am-ponja sy nokapohina i Almà sy i Amioleka—Nodorana tamin' ny afo ny mpino sy ny soratra masiny—Noraisin' ny Tompo tamim-boninahitra ireo maritiora ireo—Nitresaka sy nirodana ny rindrin' ny fonja—Nafahana i Almà sy i Amioleka, ary voavono ny mpanenjika azy ireo. Tokony ho 82–81 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny fitenenany tamin' ny vahoaka izy, dia maro taminy no nino ny teniny sy nanomboka nibebaka ary nandinika ny "soratra masina.

2 Nefa ny ankamaroany dia naniry ny hahazoany mamongotra an' i Almà sy i Amioleka; satria tezitra tamin' i Almà izy, noho ny "fahatsoran' ny teniny tamin' i Zezrôma; ary noteneniny koa fa efa ^bnandainga taminy i Amioleka ary efa nanevateva ny lalàny ary koa ny mpahay lalàny sy ny mpitsarany.

3 Ary tezitra koa tamin' i Almà

sy i Amioleka izy; ary satria efa nambaran' izy ireo tamim-pahatsorana tokoa ny fanoherany ny faharatsiany, dia nokatsahiny ny hamono azy ireo mangingina.

4 Nefa ny zava-nitranga dia tsy nataony izany; fa nalainy izy ireo sy nafatony tamin' ny tady mafy ary nentiny teo anoloan' ny lohan' ny mpitsara eo amin' ny tany izy ireo.

5 Dia nandeha ny vahoaka ary nambarany ny fanoherana azy ireo—nanambara fa efa nani-ratsira ny lalàna sy ny mpahay lalàny ary ny mpitsarany teo amin' ny tany izy ireo, ary koa ny olona rehetra izay teo amin' ny tany; ary nanamarina koa fa tsy nisy afa-tsy Andriamanitra iray, ary handefa ny Zanany eo anivon' ny olona Izy nefa tsy hamonjy azy Izy; ary zavatra maro toy izany no nambaran' ny vahoaka nanoherana an' i Almà sy i Amioleka. Ankehitriny dia izany no natao teo anatrehan' ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

6 Ary ny zava-nitranga dia talanjona i Zezrôma tamin' ny teny izay efa nolazaina; ary nahalala koa izy ny amin' ny fahajamban-tsaina izay izy no efa nahatonga izany teo anivon' ny vahoaka tamin' ny teniny mandainga; ary nanomboka ho "rotidrotika ny fanahiny noho ny ^bfahatsapana ny hadisoany; eny, nanomboka ho nohodidinin' ny fangirifirian' ny helo izy.

30a TSM Fahamelohana;
Helo.
b TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

14 1a 2 Mpan. 22:8–13.
TSM Soratra Masina.
2a Almà 12:3–7.
b Almà 10:27.

6a Almà 15:5.
b TSM Fieritreretana.

7 Ary ny zava-nitranga dia namboka niantso ny olona izy, nanao hoe: Indro, “meloka aho, ary ireo lehilahy ireo dia tsisy pentina eo anoloan’ Andriamanitra. Ary hatramin’ izay fotoana izay no nanombohany nitalaho ho azy ireo; fa notevatevainy kosa izy, nataony hoe: Azon’ ny devoly koa ve ianao? Ary nororany sy ^bnoroahany hiala teo aminy izy, ary koa ireo rehetra izay nino ny teny izay efa nola-zain’ i Almà sy i Amioleka; ary noroahany hiala izy ireo, ary nirahiny ny olona hitora-bato azy ireo.

8 Ary nangoniny miaraka ny vadiny aman-janany sy izay rehetra nino na efa nampianarina hino ny tenin’ Andriamanitra ka nasainy natsipy tany anaty afo; ary nalainy koa ny rakitsorany izay nirakitra ny soratra masina, ary natsipiny tany anaty afo koa izany, mba hodorana izany ary ho levon’ ny afo.

9 Ary ny zava-nitranga dia nalainy i Almà sy i Amioleka ary nentiny izy ireo hankeo amin’ ny toeran’ ireo maritiora mba hahazoany manatri-maso ny famongorana ireo izay nolevonin’ ny afo.

10 Ary nony efa nahita ny fangirifirian’ ny vehivavy sy ny ankizy izay nolevonin’ ny afo i Amioleka, dia nangirifiry koa izy; ary hoy izy tamin’ i Almà: Ahoana no ahafahantsika manatri-maso ity toe-javatra ma-

hatsiravina ity? Koa aoka isika haninjitra ny tanantsika sy hampiasa ny “fahefan’ Andriamanitra izay ao amintsika ary hamonjy azy ireo avy ao amin’ ny lelafo.

11 Nefa hoy i Almà taminy: Manery ahy ny Fanahy tsy haninjitra ny tanako; fa indro, mandray azy ireo any Aminy amim-^bboninahitra ny Tompo; ary Izy dia mamela ny hahazoany manao izao zavatra izao, na ny hanaovan’ ny vahoaka izao zavatra izao amin’ izy ireo araka ny hamafin’ ny fony, ka ny ^bfitsarana izay hampihariny aminy ao amin’ ny fahatezerany dia ho marina; ary ny “ran’ ny “tsy manan-tsiny dia hijoro toy ny vavolombelona hanohitra azy, eny, sy hiantso mafy tokoa hanohitra azy amin’ ny andro farany.

12 Ankehitriny dia hoy i Amioleka tamin’ i Almà: Indro, angamba handoro antsika koa izy.

13 Ary hoy i Almà: Aoka ho to araka ny sitrapon’ ny Tompo. Nefa indro, tsy vita ny asantsika; koa tsy handoro antsika izy.

14 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa levona ny vatan’ ireo izay natsipy tanaty afo ary koa ny rakitsoratra izay natsipy tao niaraka taminy, dia avy ny lohan’ ny mpitsara amin’ ny tany ary nijoro teo anoloan’ i Almà sy i Amioleka raha nifatoatra izy ireo; ary nasiany teha-

7a Almà 11:21-37.

b Almà 15:1.

10a Almà 8:30-31.

11a TSM Voninahitra.

b Sal. 37:8-13;

Almà 60:13;

F&F 103:3.

TSM Fahamarinana.

d TSM Maritiora.

e Môsià 17:10.

maina teo amin' ny takolany izy ireo, ary hoy izy taminy: Rehefa izay hitanareo izay, moa va ianareo mbola hitory indray amin' ity vahoaka ity fa hatsipy any anaty "farihy afo sy solifara izy?

15 Indro, hitanareo fa tsy nana-na fahefana mba hamonjy ireo izay efa natsipy tanaty afo ianareo; ary tsy namonjy azy ireo koa Andriamanitra, satria iray finoana aminareo izy ireo. Ary nasian' ilay mpitsara indray teo amin' ny takolany izy ireo, ary nanontaniany hoe: Inona no lazainareo ho an' ny tenanareo?

16 Ankehitriny io mpitsara io dia araka ny lamina sy ny finoan' i "Nehôra izay namono an' i Gideôna.

17 Ary ny zava-nitranga dia tsy namaly azy na inona na inona i Almà sy i Amioleka; ary nasian' indray izy ireo sy natolony ny sakaizambohitra mba hatsipy any am-ponja.

18 Ary nony efa natsipy tao am-ponja hateloana izy ireo dia tonga tao ny "mpahay lalàna sy ny mpitsara, ary ny mpisorona sy ny mpampianatra maro izay avy tamin' ny fandraharahan' i Nehôra; ary nidirany tao am-ponja mba hahitany azy ireo, ary nanontaniany momba ny teny maro izy ireo; fa izy ireo dia tsy namaly azy ireo na inona na inona.

19 Ary ny zava-nitranga dia nijoro teo anoloany ilay mpitsara ary nanao hoe: Nahoana ianareo no tsy mamaly ny tenin' ity

vahoaka ity? Tsy fantatrarao ve fa manana fahefana aho hampanipy anareo any anaty afo? Ary nodidiany hiteny izy ireo; fa tsy namaly na inona na inona izy ireo.

20 Ary ny zava-nitranga dia niainga izy ireo ary samy nandeha tamin' ny lalany avy nefa dia niverina indray ny ampitso; ary nasian' ilay mpitsara indray teo amin' ny takolany izy ireo. Dia nandroso koa ny maro sy namely azy ireo, sady nanao hoe: Hijoro indray ve ianareo ary hitsara ity vahoaka ity sy hanameloka ny lalànanay? Raha manana fahefana lehibe toy izany ianareo, nahoana no tsy "manafaka ny tenanareo?

21 Ary zavatra maro toy izany no nolazainy taminy sady nanidiany vazana taminy no nandrorany azy ary nataony hoe: Toa inona ny endrikay rehefa voaheloka izahay?

22 Ary zavatra maro toy izany, eny, ny karazan-javatra rehetra toy izany no nolazainy azy ireo; ary dia toy izany no nanesoany azy ireo nandritra ny andro maro. Ary nofihiny ny hanina tsy ho azy ireo mba hahamosarena azy ireo, ary ny rano mba hampangetaheta azy ireo; ary nesoriny taminy koa ny fitafiany ka dia nitanjaka izy ireo; ary dia toy izany no nifatorany tamin' ny tady mafy sy nihiboany tao am-ponja.

23 Ary ny zava-nitranga rehefa avy niaritra toy izany nandritra ny andro maro izy ireo (ary

izany dia tamin' ny andro faharoa ambin' ny folo, tamin' ny volana fahafolo, tamin' ny taona fahafolony ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia) dia nandeha nankao amponja izay nifatoran' i Almà sy i Amioleka tamin' ny tady ny filohan' ny mpitsara nanerana ny tanin' i Amônià ary ny maro tamin' ireo mpampianany sy ny mpahay lalàny.

24 Ary nijoro teo anoloan' izy ireo ny filohan' ny mpitsara sy namely azy ireo indray, ary nanao taminy hoe: Raha manana ny fahefan' Andriamanitra iana-reo, dia afaho ny tenanareo hiala amin' ireo fatorana ireo, ary amin' izay dia hino izahay fa hamongotra ity vahoaka ity ny Tompo araka ny teninareo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanatona izy rehetra sy namely azy ireo sady nilaza ireo teny ireo ihany mandra-pandalon' ny farany; ary rehefa avy niteny taminy ilay farany, dia tonga tamin' i Almà sy i Amioleka ny "fahefan' Andriamanitra, ary nitsangana izy ireo sady nijoro tamin' ny tongony.

26 Ary niantso i Almà, nanao hoe: Mandra-pahoviana no hiaretanay izao "fahoriana lehibe izao, Tompo ô? Tompo ô, omeo anay ny hery araka ny finoanay izay ao amin' i Kristy ho fanafahana. Ary notapatapahiny ny tady izay nifatorany; ary rehefa nahita izany ny olona, dia nanomboka nitsoaka, satria tonga

taminy ny fahatahorana ny famongorana.

27 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny tahony ka lavo tamin' ny tany izy ireo, ary tsy nahavonjy ny varavarana ivelan' ny "fonja; ary nihovitrovitra mafy tokoa ny tany ary nitresaka roa ny rindrin' ny fonja ka nirodana tamin' ny tany; ary ny lohan' ny mpitsara sy ny mpahay lalàna ary ny mpisorona sy ny mpampianatra, izay namely an' i Almà sy i Amioleka, dia maty noho ny firodanany.

28 Ary nandeha nivoaka ny fonja i Almà sy i Amioleka, ary tsy naratra izy ireo; satria efa nomen' ny Tompo fahefana izy ireo, araka ny finoany izay tao amin' i Kristy. Ary avy hatrany dia nivoaka ny fonja izy ireo; ary "nafahana tamin' ny fatorany izy ireo, ary efa nidaraboka tamin' ny tany ny fonja, ary ny olona rehetra tanatin' ny rindrin' afa-tsy i Almà sy Amioleka, dia efa maty; ary nandeha avy hatrany izy ireo nankao an-tanàna.

29 Ankehitriny rehefa avy nandre rohondrohona be ny vahoaka, dia tonga niara-nirohitra maro mba hahalala ny anton' izany; ary rehefa nahita an' i Almà sy i Amioleka nivoaka avy tao amin' ny fonja izy, sy ny rindrina efa nianjera tamin' ny tany, dia nozoin' ny tahotra be ary nandositra niala ny fifanatrehana tamin' i Almà sy i

25a Almà 8:31.

26a Jakoba 5:10–11;
Môsà 17:10–20;

F&F 121:7–8.

27a Asa 16:26;
Etera 12:13.28a Jakôba 4:6;
3 Ne. 28:19–22.

Amioleka, miova tsy ny osy sy ny zanany milefa liona roa; ary dia toy izany no nandositranany niala ny fifanatrehana tamin' i Almà sy i Amioleka.

TOKO 15

Nandeha nankany Sidôma i Almà sy i Amioleka ary nanorina fiangonana anankiray—Nositratin' i Almà i Zezrôma izay nilatsaka ho isan' ny Fiangonana—Maro ny natao batisa, ary nandroso ny Fiangonana—Nandeha nankany Zarahemlà i Almà sy i Amioleka. Tokony ho 81 talohan' i J.k.

ARY ny zava-nitranga dia nodidina i Almà sy i Amioleka handao izany tanàna izany; ary niainga izy ireo ary nivoaka nankany an-tanin' i Sidôma; ary indro, tao izy ireo no nahita ny olona rehetra izay efa nandao ny tanin' i "Amônià, izay efa ^bno-roahina sy notoraham-bato noho ny ninoany ny tenin' i Almà.

2 Ary notantarain' izy ireo taminy izay rehetra efa nanjo ireo "vadiny sy ny zanany, ary koa ny momba ny tenany sy ny ^bherin' ny fanafahana azy ireo.

3 Ary nandry nandraiki-narary tao Sidôma koa i Zezrôma, voan' ny tazo mahamay izay avy amin' ny fahorian-tsainy fatratra noho ny "faharatsiany, satria noheveriny fa tsy any intsony i Almà sy i Amioleka; ary noheveriny fa efa novonoina izy ireo noho ny helony. Ary izany

fahotana lehibe izany sy ny fahotany maro hafa dia nandrotidrotika ny sainy mandrapahatongan' izany hanaintaina fatratra tokoa, tsy azom-panafana; noho izany dia nanomboka notanehin' ny hafanana mahamay izy.

4 Ankehitriny, nony reny fa any an-tanin' i Sidôma i Almà sy i Amioleka, dia nanomboka nahazo hery ny fony; ary nalefany teo no ho eo ny hafatra hankamin' izy ireo, naniry azy ireo ho tonga any aminy.

5 Ary ny zava-nitranga dia nandeha avy hatrany izy ireo, nankatò ilay hafatra izay efa nalefany ho azy ireo; ary niditra ny trano izy ireo nankao amin' i Zezrôma; ary hitany teo ampandriany izy marary, reraka voan' ny tazo mahamay; ary ny sainy koa dia nanaintaina fatratra tokoa noho ny helony; ary nony hitany izy ireo, dia natalony ny tanany, ary niangaviany izy ireo mba hanasitrany azy.

6 Ary ny zava-nitranga dia hoy i Almà taminy raha nandray ny tanany: "Mino ny herin' i Kristy ho famonjena va ianao?

7 Ary namaly izy sady nanao hoe: Eny, izaho mino ny teny rehetra izay efa nampianarinao.

8 Ary hoy i Almà: Raha mino ny fanavotan' i Kristy ianao, dia azo "sitranina.

9 Ary hoy izy: Eny, izaho mino araka ny teninao.

10 Ary niantso ny Tompo i Almà tamin' izay, nanao hoe:

15 1a Almà 16:2–3, 9, 11.

b Almà 14:7.

2a Almà 14:8–14.

b Almà 14:28.

3a Almà 14:6–7.

6a Mar. 9:23.

8a TSM Manasitrana.

Tompo Andriamanitray ô, amin-drao fo ity lehilahy ity ary “sitra-no izy araka ny finoany izay ao amin’ i Kristy.

11 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia “nian-tsambotra tamin’ ny tongony i Zezrôma ary nanomboka namin-dra; ary dia to izany ka lehibe ny fahagagan’ ny olon-drehetra; ary ny fahalalana izany dia nandeha niely eran’ ny tanin’ i Sidôma manontolo.

12 Ary nataon’ i Almà batisa ho an’ ny Tompo i Zezrôma, ary hatramin’ izay fotoana izay dia nanomboka nitory tamin’ ny olona izy.

13 Ary nanorina fiangonana anankiray tao amin’ ny tanin’ i Sidôma i Almà ary nanokana mpisorona ary mpampianatra teo amin’ ny tany, mba hatao batisa ho an’ ny Tompo izay rehetra naniry ny hatao batisa.

14 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro izy ireo; satria nanao andiany avy tamin’ ny faritra manodidina an’ i Sidôma rehe-tra izy ireo, ary dia natao batisa.

15 Fa raha ny amin’ ny mponi-na izay tao an-tanin’ i Amônià, izy dia nijanona ihany ho olona mafy fo sy henja-katoka; ary tsy nibebaka tamin’ ny fahotany izy noho ny fiheverany ny fahefan’ i Almà sy i Amioleka rehetra ho avy amin’ ny devoly; fa avy amin’ ny fandraharahan’ i “Nehôra izy ary tsy nino ny fibe-bahana amin’ ny fahotany.

16 Ary ny zava-nitranga dia i Almà sy i Amioleka, rehefa “nahafoy ny volamenany rehe-tra sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny izay tao an-tanin’ i Amônià i Amioleka, noho ny tenin’ Andriamanitra sady efa “nolavin’ ireo izay sakaizany fahiny ary koa ny rainy sy ny mpianakaviny;

17 Noho izany, rehefa avy nanorina ny fiangonana tao Sidôma i Almà, noho ny fahitany “sakana lehibe, eny, ny fahitany fa voasakana ny olona raha ny amin’ ny avonavom-pony, ary nanomboka “nanetry tena teo anoloan’ Andriamanitra izy ary nanomboka niara-nivo-ry teo amin’ ny fitoeramasiny mba “hitsaoka an’ Andriama-nitra eo anoloan’ ny alitara, “niambina sy nivavaka lalan-dava mba hanafahana azy amin’ i Satana sy amin’ ny fahafatesana ary amin’ ny famongorana—

18 Ankehitriny araka ny nola-zaiko, rehefa avy nahita ireo zavatra rehetra ireo i Almà, dia naka an’ i Amioleka izy ary nandeha nankany an-tanin’ i Zarahemlà sy nitondra azy nan-kany an-tranony ary nanao izay hahamaivana ny fahoriany sy nampahery azy tao amin’ ny Tompo.

19 Ary dia toy izany no nifaranan’ ny taona fahafolon’ ny fitondran’ ny mpitsara teo amin’ ny vahoakan’ i Nefia.

10a Mar. 2:1–12.

11a Asa 3:1–11.

15a Almà 1:2–15.

16a Lio. 14:33; Almà 10:4.

b TSM Fanenjahana.

17a Almà 16:21.

b TSM Fanetren-tena.

d TSM Fitsaohana.

e TSM Vavaka;

Mpiambina.

f TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

TOKO 16

Namongotra ny mponin' i Amôni-hà ny Lamanita—Nitarika ny Nefita tamin' ny fandresena ny Lamanita i Zôrama—Nitory ny teny i Almà sy i Amioleka ary ireo maro hafa—Nampianariny fa aorian' ny fitsanganany amin' ny maty dia hiseho amin' ny Nefita i Kristy. Tokony ho 81–77 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, tamin' ny andro fahadimin' ny volana faharoa, rehefa nisy fandriampahalemana be teo amin' ny tanin' i Zarahemlà, rehefa tsy nisy ady na fifandirana nandritra ny taona maro, na dia hatramin' ny andro fahadimin' ny volana faharoan' ny taona fahiraika ambin' ny folo aza, dia nisy tabataban' ady re eran' ny tany.

2 Fa indro, ny miaramila Lamanita dia efa niditra avy tao amin' ny faritry ny tany foana nankamin' ny sisin-tany, hatrany an-tanànan' i "Amôni-hà mihitsy, ary nanomboka namono ny mponina sy nandrava ny tanàna.

3 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, talohan' ny nahafahan' ny Nefita nanangana miaramila ampy hanosehana azy hiala ny tany, dia efa "naringany ny mponina izay tao an-tanànan' i Amôni-hà, ary koa ny sasany teo

amin' ny manodidina ny sisintanin' i Noà, ary nentiny ho babo any an-tany foana ny hafa.

4 Ankehitriny ny zava-nitranga dia naniry ny Nefita ny mba hamonjy ireo izay efa nentina ho babo any an-tany foana.

5 Noho izany, ilay efa notendrena ho kapiteny lehiben' ny miaramila Nefita (ary ny anarany dia i Zôrama, ary nanana zanakalahy roa izy, dia i Lehia sy i Ahà)—ankehitriny, i Zôrama sy ny zanany roa lahy, rehefa fantany fa mpisorona avon' ny fiangonana i Almà, sy reny fa nanana ny fanahin' ny faminiana izy, dia nandeha nankao aminy ireo ary naniry ny hahala taminy izay tian' ny Tompo halehany any an-tany foana, hitadiavana ny rahalahiny izay efa nentin' ny Lamanita ho babo.

6 Ary ny zava-nitranga dia "nanontany ny Tompo i Almà momba izany raharaha izany. Ary niverina i Almà sy nanao taminy hoe: Indro, hiampita ny renirano Sidôna ny Lamanita ao an-tany foana atsimo, lavitra ambadiky ny faritry ny sisintanin' i Mantia. Ary indro, any no hahitanareo azy ireo, any atsinanan' ny renirano Sidôna, ary any ny Tompo no hanolotra anao ny rahalahinao izay efa nentin' ny Lamanita ho babo.

7 Ary ny zava-nitranga dia nita ny renirano Sidôna i Zôrama sy ny zanany lahy mbamin' ny miaramilany, ka nandeha nihoatra ny sisintanin' i Mantia, nankany an-tany foana atsimo, izay

tao amin' ny faritra atsinanan' ny renirano Sidôna.

8 Ary nosovohany ny miaramila Lamanita, ary nihahaka ny Lamanita sy voatosika hankany an-tany foana; ary nalainy ny rahalahiny izay efa nentin' ny Lamanita ho babo, ary tsy nisy very na dia iray aza tamin' ireo izay nentina ho babo. Ary nentin' ny rahalahiny ireo mba hizaka ny taniny ihany.

9 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika ambin' ny folon' ny mpitsara, rehefa voatosika hiala ny tany ny Lamanita, ary "fongotra ny mpoinin' i Amônihà; eny, ny olona tsirairay tamin' ny Amônihahita dia ^bfongotra, ary koa ny tanàna lehibeny, izay nolazainy fa tsy azon' Andriamanitra fongorina noho ny halehibeny.

10 Nefa indro, tao anatin' ny "indray andro dia navela ho aolo izany; ary ny faty dia noviravirain' ny amboa sy ny bibidia avy any an-tany foana.

11 Kanefa, taorian' ny andro maro, dia nifanongoa ny fatiny tambonin' ny tany, ary izany dia voarakotra firakofana manify. Ary ankehitriny dia lehibe loatra ny fofon' izany, hany ka tsy nandeha nizaka ny tanin' i Amônihà ny olona nandritra ny taona maro. Ary izany dia nantsoina hoe ny Faharavan' ny mpanaraka an' i "Nehôra; satria ireo izay voavono dia araka ny

fandraharahan' i Nehôra; ary nijanona ho aolo ny taniny.

12 Ary tsy niverina indray mba hiady amin' ny Nefita ny Lamanita mandra-pahatongan' ny taona fahefatra ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia. Ary dia toy izany nandritra ny telo taona no nananan' ny vahoakan' i Nefia fandriampahalemana tsy tapaka nanerana ny tany manontolo.

13 Ary nandeha nitory fibebahana tamin' ny olona tany amin' ny "tempoliny sy ny fitoeramasingy i Almà sy i Amioleka, ary koa tany amin' ny ^bsinagogany izay naorina araka ny fomban' ny Jiosy.

14 Ary izay rehetra nety nihaino ny teniny, dia taminy no nizarany tsy tapaka ny tenin' Andriamanitra, tsy nisy "fizahan-tavan' olona.

15 Ary dia toy izany no nandehanan' i Almà sy i Amioleka ary koa ny maro izay efa nofinidy ho amin' ny asa mba hitory ny teny eran' ny tany manontolo. Ary ny fanorenana ny fiangonana dia nanjary niitatra eran' ny tany, tamin' ny faritra manodidina rehetra, tany anivon' ny vahoaka Nefita rehetra.

16 Ary "tsy nisy tsy fitoviana teo anivony; ny Tompo dia nampidina ny Fanahiny tambonin' ny tany manontolo mba hanomana ny sain' ny zanak' olombelona, na mba hanomana

9a Almà 8:16; 9:18-24;
Môrm. 6:15-22.
b Almà 25:1-2.
10a Almà 9:4.

11a Almà 1:15; 24:28-30.
13a 2 Ne. 5:16.
b Almà 21:4-6, 20.
14a Almà 1:30.

16a Môsià 18:19-29;
4 Ne. 1:3.

ny ^bfony handray ny teny izay hampianarina eo anivony amin' ny fotoana hiaviany —

17 Mba tsy hahatonga azy hihamafy hanohitra ny teny, mba tsy hahatonga azy ho tsy mpino ka hanoizany mankany amin' ny famongorana, fa ny mba hahazoany kosa mandray ny teny amim-pifaliana ka ho tahaka ny ^asampana iray hatao grefy amin' ilay tena ^bvoaloboka mba hahazoany miditra ao amin' ny ^dfitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

18 Ankehitriny, ireo ^ampisorona ireo izay nandeha tany anivon' ny vahoaka dia nitory nanohitra ny lainga rehetra sy ny ^bfanambakana ary ny ^dfitsiriritana sy ny fifandirana ary ny hasomparana sy ny fanevatevana, ary ny halatra, ny fandrohana, ny famaboana fananana, ny famonoana, ny fijangajangana ary ireo karazana fahalo-toam-pitondra-tena rehetra, nihiaka fa ireo karazan-javatra ireo dia tsy tokony hisy —

19 Nitory ny zavatra izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela; eny, nitory ny ^afiavian' ny Zanak' Andriamanitra, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ary koa ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty.

20 Ary maro tamin' ny olona no nanontany ny momba ny toerana izay hahatongavan'

ny Zanak' Andriamanitra; ary nampianarina azy fa Izy dia ^ahiseho aminy ^baorian' ny fitsanganany amin' ny maty; ary iza-ny dia nohenoin' ny olona taminim-pifaliana sy haravoana be.

21 Ary ankehitriny, rehefa niorina eran' ny tany manontolo ny fiangonana — ka azo ny ^afandresena ny devoly ary ny tenin' Andriamanitra dia efa notoriana tamin' ny fahadiovan-ny teo amin' ny tany manontolo ka nandrotsaka ny fitahiany tamin' ny olony ny Tompo — dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

Ny tantaran' ny zanakalahin' i Môsià, izay nandà ny zony ho mpanjaka, noho ny tenin' Andriamanitra, ary nandeha niakatra tany an-tanin' i Nefia mba hitory amin' ny Lamanita; ny fijaliany sy ny fanafahana azy ireo — araka ny rakitsoratr' i Almà.

Mahafaoka ny toko 17 ka hatramin' ny 27 manontolo.

TOKO 17

Nanana ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana ny zanakalahin' i Môsià — Samy nandeha

16b TSM Fo Torotoro.

17a Jakôba 5:24.

^b TSM Tanimbolin' ny Tompo.

^d Almà 12:37; 13:10–13.

18a Almà 15:13.

^b TSM Fitaka.

^d TSM Mialona.

19a TSM Jesoa Kristy — Faminaniana ny amin' ny fahaterahana sy

ny fahafatesan' i

Jesoa Kristy.

20a 2 Ne. 26:9;

3 Ne. 11:7–14.

^b 1 Ne. 12:4–6.

21a Almà 15:17.

araka ny lalany avy izy ireo hitory ny teny amin' ny Lamanita — Nandeha nankany an-tanin' i Ismaela i Amôna ary tonga mpamponon' i Lamônia Mpanjaka — Namonjy ny andian' ondrin' ny mpanjaka i Amôna ary namono ny fahavalony teo amin' ny ranon' i Sebo. Andininy 1-3, tokony ho 77 talohan' i J.K.; andininy 4, tokony ho 91-77 talohan' i J.K.; ary andininy 5-39, tokony ho 91 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga raha nandeha avy tany antanin' i Gideôna i Almà ka nianatsimo, nanalavitra nankany an-tanin' i Mantia, dia indro, akory ny hagagany "nihaona tamin' ny ^bzanakalahin' i Môsià izay nandeha nankany an-tanin' i Zarahemlà.

2 Ankehitriny dia ireo zanakalahin' i Môsià ireo no niaraka tamin' i Almà tamin' ny fotoana "voalohany nisehoan' ilay anjely taminy; noho izany dia niravoravo fatratra tokoa i Almà nahita ny rahalahiny; ary izay mbola nanampy bebe kokoa ny fifaliany dia noho izy ireo mbola rahalahiny ao amin' ny Tompo; eny, ary efa nihanahery tamin' ny fahalalana ny marina izy ireo; fa izy ireo dia olon' ny fahalalana tsy misy tomika ary efa ^bnodinihiny tamim-pahazo-toana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin' Andriamanitra.

3 Nefa tsy izay ihany; efa nanokan-tena ho amin' ny fiva-vahana fatratra sy ny "fifadiankanina izy ireo; noho izany dia nananany ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanahin' ny fanambarana, ary rehefa ^bnampianatra izy ireo dia nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra.

4 Ary efa nampianariny nandritra ny efatra ambin' ny folo taona teo anivon' ny Lamanita ny tenin' Andriamanitra ka nahitany "fahombiazana be tamin' ny ^bfitarihana ny maro ho amin' ny fahalalana ny marina; eny, tamin' ny herin' ny tenin' izy ireo dia maro no nentina teo anoloan' ny alitaran' Andriamanitra mba hiantso ny anarany sy ^dhiaiky ny fahotany eo Anoloany.

5 Ankehitriny, ireto no toejavatra izay nanjo azy ireo tamin' ny diany, satria efa tojo fahoriana maro izy ireo; niaritra fatratra, na ara-batana, na ara-tsaina, toy ny hanoanana, hetaheta sy havizanana ary koa "tebitebin-tsaina be.

6 Ankehitriny dia ireto no diany: Rehefa "nilaozany i Môsià rainy tamin' ny taona voalohan' ny mpitsara; rehefa ^bnolaviny ny fanjakana izay nirian' ny rainy hatolotra azy ireo, ary izany koa dia sitrapon' ny vahoaka;

7 Na dia teo aza izany dia nilaozany ny tanin' i Zarahemlà ary nalainy ny sabany sy ny

17 1a Almà 27:16.

b Môsià 27:34.

2a Môsià 27:11-17.

b TSM Soratra Masina.

3a TSM Fifadian-kanina; Vavaka.

b TSM Mampianatra—
Mampianatra
miaraka amin' ny
Fanahy.

4a Almà 29:14.

b TSM Asa Fitoriana.

d TSM Miaiky.

5a Almà 8:10.

6a Môsià 28:1, 5-9.

b Môsià 29:3.

lefony, ary ny tsipikany sy ny zanatsipikany ary ny antsamo-tadiny; ary izany no nataony dia ny mba hahazoany mamatsy hanina ny tenany raha mbola any an-tany foana izy ireo.

8 Ary dia toy izany no niain-gany nankany an-tany foana niaraka tamin' ireo izay efa no-finidiny mba handeha hiakatra any an-tànin' i Nefia hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ny Lamanita.

9 Ary ny zava-nitranga dia nandeha andro maro tany an-tany foana izy ireo ary nifady hanina fatratra sy ^anivavaka fatratra izy ireo mba homen' ny Tompo azy ireo ny ampahany amin' ny Fanahiny handeha hiaraka aminy sy hitoetra hiaraka aminy hahatonga azy ireo ho ^bfitaovana eo an-tanan' Andriamanitra mba hitondrana, raha azo atao, ny Lamanita rahalahiny ho amin' ny fahalalana ny marina, ho amin' ny fahalalana ny fahambanian' ny ^dfomban' ireo razany, izay tsy mety.

10 Ary ny zava-nitranga dia ^anamangy azy ireo niaraka tamin' ny ^bFanahiny ny Tompo ary nanao taminy hoe: ^dMahereza. Ary nahazo hery izy ireo.

11 Ary hoy koa ny Tompo taminy: Mandehana any anivon' ny Lamanita, rahalahinareo ary aoreno ny teniko; kanefa dia ^ahanam-paharetana sy ho mahari-po amin' ny fahoriana ia-

nareo hahazoanareo maneho aminy ny ohatra tsara ao Amiko, ary Izaho hahatonga anareo ho fitaovana eo an-tanako ho famonjena fanahy maro.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery ny fon' ny zanakalahin' i Môsià, ary koa ny an' ireo izay niaraka taminy handehanany mankany amin' ny Lamanita hanambara aminy ny tenin' Andriamanitra.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga teo amin' ny sisintanin' ny Lamanita izy ireo, dia ^anisaraka sy nifandao ny tsirairay rehefa natoky ny Tompo fa hihaona indray izy ireo amin' ny faran' ny ^bfotoam-pijinjana; satria noheveriny fa lehibe ny asa izay efa niandraiketany.

14 Ary lehibe marina tokoa izany, fa efa niandraiketany ny hitory ny tenin' Andriamanitra tamina vahoaka ^abaribariana sy mafy fo ary lozabe; dia vahoaka izay finaritra tamin' ny famonoana ny Nefita sy tamin' ny fandrohana ary ny famaboana azy; ary ny fony dia efa napetra-ny tamin' ny harena, na tamin' ny volamena sy volafotsy ary vato soa; kanefa dia nokatsahiny ny hahazoana ireny zavatra ireny tamin' ny famonoana sy ny fandrohana, mba tsy hampiasany ny tanany hahazoany azy ireny.

15 Dia toy izany no nanjariany ho vahoaka tena kamo, ka ny

9a Almà 25:17.
TSM Vavaka.
b Môsià 23:10;
Almà 26:3.
d Almà 3:10-12.

10a F&F 5:16.
b TSM Fanahy Masina.
d Almà 26:27.
11a Almà 20:29.
TSM Faharetana.

13a Almà 21:1.
b Mat. 9:37.
14a Môsià 10:12.

maro taminy dia nanompo sampy, ary efa nianjera taminy noho ny “fomban’ ny razany ny ‘ozon’ Andriamanitra; na dia teo aza izany, ny fampanantenan’ ny Tompo dia efa natolony azy raha tahiny mibebaka izy.

16 Koa izany no “antony efa niandraiketan’ ny zanakalahin’ i Môsià ny asa fa angamba mba ho azony tarihina hibebeba izy; fa angamba mba ho azony tarihina hahalala ny drafitry ny fanavotana izy.

17 Koa dia nisaraka izy ireo, ary nandeha tany anivony samy nandeha tsirairay avy araka ny teny sy ny fahefan’ Andriamanitra izay efa nomena azy.

18 Ankehitriny dia i Amôna no mpitarika azy ireo, na ny mari-marina kokoa, izy no niahy azy ireo ary izy dia nandao azy ireo rehefa avy “nitsodrano azy ireo araka ny anjara asany avy, rehefa avy nizara ny tenin’ Andriamanitra taminy, na niahy azy ireo talohan’ ny fiaingany; ary dia toy izany no samy nandehanan’ avy tamin’ ny diany nanerana ny tany.

19 Ary nandeha nankany an-tanin’ i Ismaela i Amôna, ny tany dia nantsoina araka ny anaran’ ny zanakalahin’ i “Ismaela, izay lasa Lamanita ihany koa.

20 Ary raha niditra ny tanin’ i Ismaela i Amôna, dia nalain’ ny Lamanita izy ka nofatorany, satria fanaony ny mamatotra ny Nefita rehetra izay mianjera eo an-tànany sy ny mitondra azy eo anoloan’ ny mpanjaka; ary

dia toy izany no nanankinana tamin’ ny safidin’ ny mpanjaka na ny hamono azy, na ny hitana azy ho babo, na ny hanipy azy any an-tranomaizina, na ny handroaka azy hiala ny taniny araka ny sitrapony sy ny faniriany.

21 Ary dia toy izany no nitondrana an’ i Amôna teo anoloan’ ny mpanjaka izay nanapaka teo amin’ ny tanin’ i Ismaela; ary ny anarany dia i Lamônia; ary tamingan’ i Ismaela izy.

22 Ary nanadina an’ i Amôna ny mpanjaka raha toa ka faniriany ny hitoetra eo amin’ ny tany eo anivon’ ny Lamanita na eo anivon’ ny vahoakany.

23 Ary hoy i Amôna taminy: Eny, maniry ny hitoetra eo anivon’ ity vahoaka ity mandritra ny fotoana fohy aho; eny, ary angamba mandra-pahatongan’ ny andro hahafatesako.

24 Ary ny zava-nitranga dia faly be tamin’ i Amôna i Lamônia mpanjaka ary nataony izay hamahana ny fatorany; ary niriany ny hakan’ i Amôna ny anankiray amin’ ny zananivavy ho vady.

25 Nefa hoy i Amôna taminy: Tsia, fa ho mpanomponao kosa aho. Noho izany dia tonga mpanompon’ i Lamônia mpanjaka i Amôna. Ary ny zava-nitranga dia napetraka teo anivon’ ny mpanompo hafa izy mba hiandry ny andian’ ondrin’ i Lamônia araka ny fomban’ ny Lamanita.

26 Ary rehefa nanompo ny mpanjaka hateloana izy, raha

15a Almà 9:16–24; 18:5.
b Almà 3:6–19;

3 Ne. 2:15–16.
16a Môsià 28:1–3.

18a TSM Fitahiana.
19a 1 Ne. 7:4–6.

niaraka tamin' ny mpanompo Lamanita izy nandeha niaraka tamin' ny andian' ondriny nan-kamin' ny toerana fampisotroana izay nantsoina hoe ny ranon' i Sebo, ary ny Lamanita rehetra dia mitondra ny andian' ondriny eo mba hahazoany rano—

27 Koa raha nandeha nitondra ny andian' ondriny hankamin' ity toerana fampisotroana ity i Amôna sy ny mpanompon' ny mpanjaka, dia indro, ny Lamanita sasantsasany izay efa teo amin' ny rano niaraka tamin' ny andian' ondriny, nitsangana sy nampihahaka ny andian' ondrin' i Amôna sy ny mpanompon' ny mpanjaka, ary ireo dia nampihahaka azy, hany ka nitsoaka tamin' ny lalana maro izany.

28 Ankehitriny dia nanomboka nimonomonona ny mpanompon' ny mpanjaka, nanao hoe: Ankehitriny dia hovanoin' ny mpanjaka isika, toy ny efa nataony tamin' ny rahalahintsika, satria nihahaka ny andian' ondriny noho ny faharatsian' ireny olona ireny. Ary nanomboka nitomany fatratra tokoa izy ireo, nanao hoe: Indro, nihahaka sahady ny andian' ondrintsika.

29 Ankehitriny dia nitomany izy ireo noho ny fahatahorany ny hovanoina. Ankehitriny nony nahita izany i Amôna dia vontom-pifaliana ny fony tao anaty; fa hoy izy, hasehoko ireto mpiara-manompo amiko ireto ny fahefako, na ny fahefana izay ato amiko, amin' ny famerenana ireo andian' ondry ireo any amin' ny mpanjaka, mba hahazoako ny fon' ireo mpiara-manompo

amiko ireo, mba hahazoako mitarika azy ireo hino ny teniko.

30 Ary ankehitriny, dia izany no eritreritr' i Amôna nony nahita ny fahorian' ireo izay nataony ho rahalahiny izy.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandoka azy ireo tamin' ny teniny izy, nanao hoe: Ry rahalahiko, matokia ary andeha isika hitady ny andian' ondry, ary hamory azy miaraka isika ary hitondra azy miverina any amin' ny toerana fampisotroana; ary dia izany no hitsimbintsika ny andian' ondry ho an' ny mpanjaka, ary tsy hovanoiny isika.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nitady ny andian' ondry izy ireo ary nanaraka an' i Amôna, ary nirohotra tamimpahamailahana be izy ireo, ary nisakana ny andian' ondrin' ny mpanjaka sy namory azy miaraka indray teo amin' ny toerana fampisotroana.

33 Ary nitsangana indray ireny olona ireny mba hampihahaka ny andian' ondriny; fa hoy i Amôna tamin' ny rahalahiny: Mitoera manodidina ny andian' ondry mba tsy handosirany; ary izaho no handeha hiady amin' ireny olona izay nampihahaka ny andian' ondrintsika ireny.

34 Noho izany dia nataony araka ny nandidian' i Amôna azy ireo, ary nandroso izy ary nitsangana mba hiady amin' ireo izay nijoro teo amoron' ny ranon' i Sebo; ary tsy vitsy izy ireo.

35 Koa tsy natahorany i Amôna, satria noheveriny fa anan-

kiray amin' ny olony dia afaka mamono azy, araka ny sitrapo-ny, satria tsy fantany fa efa nampanantena an' i Môsià ny Tompo fa Izy no "hanafaka ny zananilahy eo an-tanan' izy ireo; sady tsy nahalala na inona na inona momba ny Tompo izy ireo; noho izany dia finaritra tamin' ny fandravana ny rahalahiny izy ireo; ary izany no antony nitsanganany hampihahaka ny andian' ondrin' ny mpanjaka.

36 Fa nandroso i "Amôna ary nanomboka nitara-bato azy ireo tamin' ny antsamotadiny; eny, tamin-kery be no nitorahany vato ny teo anivony; ary dia toy izany no namonoany ny ^bsasantsasany taminy, hany ka nanomboka ho talanjona izy ireo tamin' ny heriny; kanefa dia tezitra izy ireo noho ny nahafaty ny rahalahiny, ary nivonona izy ireo ny handavo azy; noho izany rehefa hitan' izy ireo fa "tsy nahavao azy tamin' ny vatony izy ireo, dia nandroso niaraka tamin' ny kibay izy ireo mba hamono azy.

37 Nefa indro, ny olona rehetra izay nanainga ny kibainy hamely an' i Amôna, dia izy no nanapaka hiala ny sandriny tamin' ny sabany; fa notoheryny ny fiveliny tamin' ny famelezana ny sandriny tamin' ny lelan' ny sabany, hany ka nanomboka ho talanjona izy ireo, ary nanomboka nitsoaka teo anoloany; eny, tsy vitsy izy ireo; ary

nampitsoaka azy ireo tamin' ny herin-tsandriny izy.

38 Ankehitriny dia efa nalavon' ny antsamotady ny enina taminy, fa ny hany novonoiny tamin' ny sabany dia ny mpi-tondra azy ireo; ary notapahiny hiala ny sandrin' izay rehetra naingaina hanohitra azy, ary tsy vitsy izy ireo.

39 Ary rehefa noroahiny lavitra izy ireo, dia niverina izy, ary nampisotro rano ny andian' ondriny izy ireo ary namerina azy tany amin' ny saha firaotana an' ny mpanjaka, ary tamin' izay izy ireo dia niditra nankao amin' ny mpanjaka, nitondra ny sandry izay efa notapahin' ny sabatr' i Amôna hiala, sandrin' ireo izay nitady hamono azy; ary ireny dia nentina nankao amin' ny mpanjaka ho vavolombelon' ny zavatra izay efa nataon' izy ireo.

TOKO 18

Nihevitra i Lamônia Mpanjaka fa i Amôna no ilay Fanahy Lehibe— Nampianarin' i Amôna ny mpanjaka ny amin' ny Fahariana, ny amin' ny fifandraisan' Andriamanitra sy ny olona ary ny amin' ny fanavotana izay ho avy amin' ny alalan' i Kristy— Nino i Lamônia ary lavo tamin' ny tany miova tsy toy ny maty izy. Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nasain' i Lamônia mpanjaka nandroso ny mpanompony ary nanambara ny amin' ny zavatra rehetra

izay efa hitany momba ity raharaha ity.

2 Ary nony efa nambara izy rehetra ny amin' ny zavatra izay efa hitany, ka efa fantany ny amin' ny maha-olo-mahatoky an' i Amôna tamin' ny fitsimbiana ny andian' ondriny, ary koa ny amin' ny heriny lehibe tamin' ny niadiany nanohitra ireo izay nitady hamono azy, dia talanjona fatratra tokoa izy, ary hoy izy: Marina tokoa raha tsy mihoatra noho ny olona ity. Indro, moa va tsy ity ilay Fanahy Lehibe izay mandefa famaizana lehibe toy izany amin' ity vahoaka ity noho ny famonoany olona?

3 Ary namaly ny mpanjaka izy ireo, nanao hoe: Na izy Fanahy Lehibe, na izy olona, dia tsy fantatray; fa ny hany fantatray dia "tsy azon' ny fahavalon' ny mpanjaka vonoina izy; sady tsy azony ahahaka ny andian' ondrin' ny mpanjaka rehefa miaraka aminay izy, noho ny hakingany sy ny heriny lehibe; noho izany dia fantatray fa sakaizan' ny mpanjaka izy. Ary ankehitriny, Ry mpanjaka, dia tsy inoanay fa ny olona iray dia manana hery lehibe toy izany, satria fantatray fa tsy azo vonoina izy.

4 Ary ankehitriny, rehefa nandre izany teny izany ny mpanjaka, dia hoy izy taminy: Ankehitriny dia fantatro fa izy no Fanahy Lehibe; ary efa nidina izy amin' izao fotoana izao mba hitsimbina ny aintsika mba tsy

hahazoako "mamono anareo toy ny nataoko tamin' ireo rahalahinareo. Ankehitriny dia ity no Fanahy Lehibe izay efa noresahin' ny razantsika.

5 Ankehitriny dia izao no fomban-drazan' i Lamônia, izay efa noraisiny tamin-drainy, dia ny fisian' ny "Fanahy Lehibe iray. Kanefa na dia ninoany aza ny Fanahy Lehibe iray, dia noheveriny fa na inona na inona nataony dia mety; na dia teo aza izany dia nanomboka natahotra fatratra tokoa i Lamônia, natahotra fandrao tsy nety ny nataony tamin' ny namonoany ny mpanompony;

6 Satria efa namono ny maro taminy izy noho ny rahalahiny efa nampihahaka ny andian' ondriny teo amin' ny toerana fampisotroana; ary satria nana andian' ondry nihahaka izy ireny, dia toy izany no nahafaty azy ireny.

7 Ankehitriny dia fomban' ireo Lamanita ny nijoro teo amoron' ny ranon' i Sebo mba hampihahaka ny andian' ondrin' olona, fa tamin' izany no nahazoany nitondra nitsoaka ny maro izay nihahaka hankany amin' ny taniny, fa izany no fomba fandrobana teo aminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia nanadina ny mpanompony i Lamônia mpanjaka, nanao hoe: Aiza ilay lehilahy izay manana hery lehibe toy izany?

9 Ary hoy ireo taminy: Indro, mamahana ny soavalinao izy. Ankehitriny ny mpanjaka dia

efa nandidy ny mpanampony, talohan' ny fotoana nampiso-troana ny andian' ondriny, fa tsy maintsy manomana ny soavaliny sy ny kalesiny ireo ary mitondra azy mankany an-tanin' i Nefia; satria efa nisy fanasana lehibe nomanin' ny rain' i Lamônia, izay mpanjaka nanerana ny tany manontolo, any an-tanin' i Nefia.

10 Ankehitriny nony nandre i Lamônia mpanjaka fa manomana ny soavaliny sy ny kalesiny i Amôna, dia vao mainka talanjona izy noho ny maha-olo-mahatoky an' i Amôna, ka nanao hoe: Marina tokoa fa tsy nisy mpanompo iray tamin' ny mpanompoko rehetra izay nahatoky tokoa hoatra ity lehilahy ity; fa mahatadidy na dia ny didiko rehetra aza izy mba hanatantehina ireny.

11 Ankehitriny dia fantatro marina tokoa fa izy no ilay Fanahy Lehibe, ary mba iriko ny hankanesany aty amiko, saingy tsy sahy aho.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa nomanin' i Amôna ho an' ny mpanjaka sy ny mpanompony ny soavaly sy ny kalesy, dia niditra nankao amin' ny mpanjaka izy, ary nahita izy fa niova ny tarehin' ny mpanjaka; koa efa saika hiverina hiala avy teo anatrehany izy.

13 Ary ny anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpanjaka, nanao taminy hoe: Rabanà, izay raha adika, dia mpanjaka mahery na lehibe, noho ny fiheverany

ny mpanjakany ho mahery; ary dia izany no nilazany taminy hoe: Rabanà, maniry ny hijanonanao ny mpanjaka.

14 Koa nitodika tany amin' ny mpanjaka i Amôna ary nanao taminy hoe: Inona no tianao hataoko aminao, ry mpanjaka? Ary tsy namaly azy nandritra ny ora iray ny mpanjaka, araka ny fotoany, satria tsy fantany izay tokony holazaina azy.

15 Ary ny zava-nitranga dia hoy indray i Amôna taminy: Inona no irinao amiko? Nefa tsy namaly azy ny mpanjaka.

16 Ary ny zava-nitranga dia heniky ny Fanahin' Andriamanitra i Amôna, koa nahatakatra ny "eritreritry ny mpanjaka izy. Ary hoy izy taminy: Moa ve noho ianao efa nandre fa niaro ny mpanomponao sy ny andian' ondrinao aho, ary namono ny fito tamin' ny rahalahiny tamin' ny antsamotady sy tamin' ny sabatra, ary nanapaka hiala ny sandrin' ny hafa mba hiarovana ny andian' ondrinao sy ny mpanomponao; indro, moa va izany no mahatonga ny fahagaganao?

17 Hoy aho aminao, inona no mahatonga ny fahagaganao ho lehibe tokoa? Indro, izaho dia olona ary mpanomponao; noho izany, na inona na inona irinao ka marina, dia hataoko izany.

18 Ankehitriny nony efa nandre ireo teny ireo ny mpanjaka dia gaga indray izy, satria hitany fa afaka "mamaky ny eritreriny i Amôna; fa na dia teo aza izany, dia nisoka-bava i Lamônia

mpanjaka, ary hoy izy taminy: Iza ianao? Ianao va ilay Fanahy Lehibe izay ^bmahalala ny zava-drehetra?

19 Namaly i Amôna ary nanao taminy hoe: Tsy izy aho.

20 Ary hoy ny mpanjaka: Ahoana no ahalalanao ny fisaintsainan' ny foko? Mahazo miteny amim-pahasahiana tokoa ianao, ary milaza amiko ny momba ireo zavatra ireo; ary lazao ahy koa, hery toa inona no namonoanao sy nanapahanao hiala ny sandrin' ny rahalahiko izay nampihahaka ny andian' ondriko—

21 Ary ankehitriny, raha mety milaza amiko ny momba ireo zavatra ireo ianao, na inona na inona irinao dia homeko anao; ary raha toa ka ilaina dia hampiambenako anao ny miaramilako; nefa fantatro fa mahery kokoa noho izy rehetra ianao; kanefa, na inona na inona irinao amiko dia hotoviko aminao.

22 Ankehitriny, noho i Amôna hendry, kanefa morabe, dia hoy izy tamin' i Lamônia: Moa mety hihaino ny teniko va ianao raha lazaiko hoe hery manao ahoana no anaovako ireo zavatra ireo? Ary izany no zavatra izay iriako aminao.

23 Ary namaly azy ny mpanjaka sy nanao hoe: Eny, hino ny teninao rehetra aho. Ary dia toy izany no nahazoana azy tamim-pahakingana.

24 Ary nanomboka niteny tamim-“pahasahiana i Amôna

ary nanao taminy hoe: Mino va ianao fa misy Andriamanitra?

25 Ary namaly izy ary nanao taminy hoe: Tsy mahalala izay dikan' izany aho.

26 Ary tamin' izay dia hoy i Amôna: Mino va ianao fa misy ny Fanahy Lehibe iray?

27 Ary hoy izy, Eny.

28 Ary hoy i Amôna: Io no Andriamanitra. Ary hoy indray i Amôna taminy: Mino va ianao fa io Fanahy Lehibe io, izay Andriamanitra, no nahary ny zava-drehetra izay eny an-danitra sy etỳ an-tany?

29 Ary hoy izy: Eny, mino aho fa Izy no nahary ny zavatra rehetra izay etỳ an-tany; fa tsy fantatro kosa ny lanitra.

30 Ary hoy i Amôna taminy: Ny lanitra dia toerana izay ipetrahan' Andriamanitra sy ny anjelyny masina rehetra.

31 Ary hoy i Lamônia mpanjaka: Moa ambonin' ny tany va izany?

32 Ary hoy i Amôna: Eny, ary mitsinjo ny zanak' olombelona rehetra Izy; ary fantany ny “eritreritra sy ny fisainan' ny fo rehetra; fa tamin' ny tànany no efa nahariana ny rehetra hatrany am-piandohana.

33 Ary hoy i Lamônia mpanjaka: Mino ireo zava-drehetra izay efa noteneninao ireo aho. Irahin' Andriamanitra va ianao?

34 Ary hoy i Amôna taminy: Olona aho; ary ny “olona dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra tany am-piandohana, ary antsoin' ny Fanahiny

Masina aho mba ^bhampianatra ireo zavatra ireo amin' ity vahoaka ity mba hahazoana mitarika azy ho amin' ny fahalalana ny momba izay mahitsy sy marina;

35 Ary ampahany amin' izany "Fanahy izany no mitoetra ato amiko ka manome ahy ^bfahalalana ary koa hery araka ny finoako sy ny faniriako izay ao amin' Andriamanitra.

36 Ankehitriny nony efa nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia natombony tamin' ny nahariana izao tontolo izao ary koa ny nahariana an' i Adama, ary nolazainy azy ny zavatra rehetra momba ny fahalavoan' ny olona ary "notantarainy sy napetrany teo anoloany ny rakitsoratra sy ny ^bsoratra masin' ny vahoaka, izay efa noresahan' ny "mpaminany hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia rainy an' i Jerosalema.

37 Ary notantarainy tamin' izy ireo koa(satria tamin' ny mpanjaka sy tamin' ny mpanompony) ny dia rehetra nataon' ny razany tany an-tany foana ary ny fijaliany rehetra noho ny hanoanana sy ny hetaheta, ary ny filofosany sy ny sisa.

38 Ary notantarainy tamin' izy ireo koa ny momba ny fikomian' i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela, eny, ny fikomiany rehetra dia notantarainy azy ireo; ary nohazavainy

azy ireo ny rakitsoratra sy ny soratra masina rehetra hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema ka hatramin' izao fotoana izao.

39 Nefa tsy izay ihany; fa nohazavainy azy ireo ny "drafitry ny fanavotana izay efa voaomana hatry ny fanorenana izao tontolo izao; ary nampahalalainy azy ireo koa ny momba ny fiavian' i Kristy, ary ny asan' ny Tompo rehetra dia nampahalalainy azy ireo.

40 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nilazany ireo zavadrehetra ireo sy nanazavany azy ireo tamin' ny mpanjaka, dia nino ny teniny rehetra ny mpanjaka.

41 Ary nanomboka niantso ny Tompo izy, nanao hoe: Tompo ô, mamindrà fo; araka ny "famindram-ponao sesehena izay efa namindranao fo tamin' ny vahoakan' i Nefia, dia mamindrà fo amiko sy amin' ny vahoakako.

42 Ary ankehitriny, nony efa nilaza izany izy dia niankarakapoka tamin' ny tany miova tsy toy ny maty.

43 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny mpanompony izy ary nentiny nankao amin' ny vadiny ary nampandriany teo ampan-driana; ary nandry izy miova tsy toy ny maty nandritra ny roa andro sy roa alina; ary nisaona azy ny vadiny sy ny zananilahy ary ny zananivavy, araka ny fa-

34b TSM Mampianatra—
Mampianatra
miaraka amin' ny
Fanahy.
35a TSM Fitaoman' ny

Fanahy.
b TSM Fahalalana.
36a Môsià 1:4;
Almà 22:12; 37:9.
b TSM Soratra Masina.

d Asa 3:18–21.
39a TSM Drafitry ny
Fanavotana.
41a TSM Famindram-po.

naon' ny Lamanita, ka nitomany fatratra tokoa ny fahalasanany.

TOKO 19

Nandray ny fahazavan' ny fiainana maharitra mandrakizay i Lamônia ary nahita ny Mpanavotra — Lavo sy nisehoam-pahitana ny ankohonany, ary maro no nahita anjely — Notsimbinina tamim-pahagagana tokoa i Amôna — Nataony batisa ny maro ary naoriny ny fiangonana iray teo anivony — Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony afaka roa andro sy roa alina, dia efa saika haka ny vatany izy ireo ary hampandry azy ao ampasana izay efa nataony mba handevenana ny maty eo aminy.

2 Ankehitriny rehefa nandre ny lazan' i Amôna ny mpanjakavavy, dia nampaniraka izy ary naniry ny hahatongavany ao aminy.

3 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny nandidiana azy i Amôna, ary niditra nankao amin' ny mpanjakavavy sy naniry ny hahalala izay tiany hataony.

4 Ary hoy izy taminy: Efa nampahalala ahy ny mpanompon' ny vadiko fa "mpaminanin' Andriamanitra masina ianao ary manana fahefana hanao asa maro sy mahery amin' ny anarany;

5 Koa, raha izany no izy, dia mba tiako ny hidiranao sy hijerenao ny vadiko, satria efa nam-

pandriana teo am-pandriany nandritra ny roa andro sy roa alina izy; ary milaza ny sasany fa tsy maty izy, nefa milaza kosa ny hafa fa maty izy ka maimbo ary tokony hapetraka any ampasana; fa raha ny amiko kosa, ho ahy dia tsy maimbo izy.

6 Ankehitriny, dia izany no nirian' i Amôna, satria fantany fa i Lamônia mpanjaka dia teo ambanin' ny herin' Andriamanitra; fantany fa ny "voaly maizin' ny tsy finoana dia efa nesorina hiala ny sainy, ary ny ^bfahazavana izay nanazava ny sainy, izay fahazavan' ny voninahitr' Andriamanitra, izay fahazavana mahagaga ny amin' ny hatsaram-pony — eny izany fahazavana izany dia efa nitondra fifaliana lehibe tokoa tao amin' ny fanahiny, rehefa nisava ny rahon' ny fahamaizinana, ary ny fahazavan' ny fiainana maharitra mandrakizay no narehitra tao amin' ny fanahiny, eny, fantany fa izany no efa nandresy ny toe-batany, ary efa nentinao tao amin' Andriamanitra izy —

7 Koa izay nirian' ny mpanjakavavy taminy no efa hany faniriany. Koa niditra izy mba hijery ny mpanjaka araka ny efa nirian' ny mpanjakavavy taminy; ary nahita ny mpanjaka izy, ary fantany fa tsy maty izy.

8 Ary hoy izy tamin' ny mpanjakavavy: Tsy maty izy fa matory ao amin' Andriamanitra, ary hitsangana indray izy rahampitso; koa aza alevina izy.

9 Ary hoy i Amôna taminy:

Mino izany ve ianao? Ary hoy izy taminy: Tsy manana vavolombelona afa-tsy ny teninao sy ny tenin' ny mpanomponay aho; kanefa dia mino aho fa izany dia ho araka izay efa nolazainao.

10 Ary hoy i Amôna taminy: Sambatra ianao noho ny finoanao fatratra; lazaiko anao, ravehivavy, fa tsy mbola nisy “finoana lehibe toy izany teo anivon' ny vahoaka Nefita rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga dia niambina ny fandrian' ny vadin' izy, tamin' izany fotoana izany ka hatramin' izany fotoana izany ny ampitso izay efa notendren' i Amôna fa hitsanganany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nitsangana izy araka ny tenin' i Amôna; ary raha nitsangana izy, dia nanatsotra ny tanany tany amin-dravehivavy sy nanao hoe: Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra ary hotahiana ianao.

13 Fa toy ny maha-azo antoka ny mahavelona anao no, indro, efa nahitako ny Mpanavotra ahy; ary ho avy sy “hatera-^bbehivavy, ary hanavotra ny olombelona rehetra izay mino ny anarany Izy. Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia nizihitra ny fony tao anatiny, ary dia niankarapoka indray izy noho ny fifaliany; ary niankarapoka koa ny mpanjakavavy, rehefa nentanin' ny Fanahy.

14 Ankehitriny rehefa hitan' i

Amôna fa nirotsaka ny Fanahin' ny Tompo noho ny “fivavahany ho an' ny Lamanita, rahalahiny, izay efa anton' ny fisaonana be teo anivon' ny Nefita, na teo anivon' ny vahoakan' Andriamanitra rehetra noho ny helony sy ny ^bfomban-drazany, dia nandohalika izy ary nanomboka nampiloatra ny fanahiny tamin' ny fivavahana sy ny fankasitrahana an' Andriamanitra noho izay efa nataony ho an' ny rahalahiny; ary nentanin-^dpifaliana koa izy; ary dia izany no “niankarapohan' izy telo tamin' ny tany.

15 Ankehitriny, nony efa nahita ny mpanompon' ny mpanjaka fa efa niankarapoka izy ireo, dia nanomboka niantso an' Andriamanitra koa izy ireo, fa ny fahatahorana an' Andriamanitra dia efa tonga taminy koa, satria “izy ireo no efa nitsangana teo anoloan' ny mpanjaka sy nannambara taminy ny momba ny fahefana lehiben' i Amôna.

16 Ary ny zava-nitranga dia nantsoiny tamin' ny heriny ny anaran' ny Tompo, ambarapianjerany tamin' ny tany, afa-tsy ny anankiray tamin' ny vehivavy Lamanita, izay i Abisa no anarany, izay efa niova fo ho an' ny Tompo an-taonany maro noho ny fahitana mahagaga an-drainy—

17 Dia toy izany, rehefa niova fo ho an' ny Tompo izy ary tsy

10a Lio. 7:9.

TSM Finoana.

13a TSM Jesoa Kristy—

Faminaniana ny amin' ny

fahaterahana sy ny fahafatesan' i Jesoa Kristy.

b 1 Ne. 11:13–21.

14a F&F 42:14.

b Môsià 1:5.

d TSM Fifaliana.

e Almà 27:17.

15a Almà 18:1–2.

nampahalalaina na oviana na oviana izany, koa rehefa hitany fa ny mpanompon' i Lamônia rehetra dia efa nianjera tamin' ny tany, ary koa ny tompovaviny dia ny mpanjakavavy sy ny mpanjaka, ary nandry niankohoka tamin' ny tany i Amôna, dia nahafantatra izy fa izany no fahefan' Andriamanitra; ary noho ny fiheverany fa izay no fotoana hampahalalana ny olona izay efa nitranga tamin' izy ireo, ka ny fahitana izao fisehoan-javatra izao dia "hahatonga azy hino ny fahefan' Andriamanitra, dia nihazakazaka izy nitetitety trano, nampahalala izany ny olona.

18 Ary nanomboka nifamory miaraka tao an-tranon' ny mpanjaka izy ireo. Ary sesehe-na no tonga tao, ary akory ny hagagany nahita ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy ary ny mpanompony niankohoka tamin' ny tany, ary izy rehetra ireo dia nandry teo miova tsy toy ny maty; ary hitany koa i Amôna, ary indro, izy dia Nefita.

19 Ary ankehitriny nanomboka nimonomonona izy samy izy; nilaza ny sasany fa loza lehibe no efa nihatra tamin' izy ireo, na tamin' ny mpanjaka sy ny tranony, noho izy efa namela ny "hijanonan' ilay Nefita teo amin' ny tany.

20 Fa nandevilevy azy kosa ny hafa, nanao hoe: Ny mpanjaka no efa nahatonga izao loza izao tamin' ny tranony, satria novo-

noiny ny mpanompony izay efa nanana ny andian' ondriny nihahaka tany amin' ny "ranon' i Sebo.

21 Ary ireto koa dia nolevileven' ireo lehilahy ireo izay efa nijoro tany amin' ny ranon' i Sebo sy "nampihahaka ny andian' ondry izay an' ny mpanjaka, satria tezitra tamin' i Amôna izy ireo noho ny isan' ireo rahalahiny izay efa novonoiny tany amin' ny ranon' i Sebo, raha narovany ny andian' ondrin' ny mpanjaka.

22 Ankehitriny, ny anankiray taminy, izay efa "novonoin' ny sabatr' i Amôna ny rahalahiny, noho izy tezitra fatratra tokoa tamin' i Amôna, dia nanatsoaka ny sabany ary nandroso mba hahazoany mampianjera izany amin' i Amôna, hamonoany azy; ary raha nanainga ny sabatra izy hamelezana azy, dia indro, lavo izy ka maty.

23 Ankehitriny dia hitantsika fa tsy azo vonoina i Amôna, satria ny "Tompo dia efa nilaza tamin' i Môsià rainy hoe: Hitsimbina azy Aho, ary izany dia ho to aminy, araka ny finoanao—noho izany dia ^bnankinin' i Môsià tamin' ny Tompo ny momba azy.

24 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny maro fa ilay lehilahy izay nanainga ny sabatra hamonoana an' i Amôna dia efa lavo ka maty, dia tonga tamin' izy rehetra ny tahotra, ary izy ireo dia tsy sahy nandroso ny

17a Môsià 27:14.

19a Almà 17:22–23.

20a Almà 17:26; 18:7.

21a Almà 17:27; 18:3.

22a Almà 17:38.

23a Môsià 28:7;

Almà 17:35.

b TSM Matoky.

tànany hikasika azy na ny anan-kiray tamin' ireo izay efa lavô; ary nanomboka nitolagaga indray izy samy izy ny amin' izay mety ho anton' izao fahefana lehibe izao, na ny amin' izay mety ho dikan' ireo zavatra rehetra ireo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro taminy no nilaza fa i Amôna no "Fanahy Lehibe, ary nilaza ny hafa fa nirahin' ny Fanahy Lehibe izy;

26 Fa nandevilevy azy rehetra kosa ny hafa ka nilaza fa izy dia biby izay efa nirahina avy tany amin' ny Nefita mba hampijaly azy.

27 Ary nisy ny sasany izay nilaza fa i Amôna dia nirahin' ny Fanahy Lehibe hampahory azy noho ny helony; ary izany Fanahy Lehibe izany no niaraka mandrakariva tamin' ny Nefita ka nanafaka azy hatrany teo antanany; ary nolazainy izy ireo fa io Fanahy Lehibe io no efa namongotra ny maro tokoa tamin' ny Lamanita rahalahiny.

28 Ary dia toy izany no nanombohan' ny fifandirana ho henjana fatratra tokoa teo aminy. Ary raha mbola nifanditra toy izany izy ireo, dia tonga ilay "vehivavy mpanompo izay efa nahatonga ny maro ho tafavory miaraka, ary nony hitany ny fifandirana izay teo anivon' ny maro, dia nalahelo fatratra tokoa izy nila hitomany.

29 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ary noraisiny ta-

min' ny tanany ny mpanjakavavy, fa angamba ho azony atsangana avy eo amin' ny tany izy; ary raha vantany vao noka-sihiny izy, dia nitsangana sy nijoro tamin' ny tongony ary nihiaka tamin' ny feo mafy hoe: Ry Jesoa Ankalazaina, izay efa namonjy ahy tamin' ny "helo mahatsiravina! Ry Andriamanitra Ankalazaina, ^bmamindrà fo amin' ity vahoaka ity!

30 Ary rehefa avy nilaza izany izy, dia nakambany ny tanany fa heniky ny fifaliana izy ary niteny teny maro izay tsy azo; ary rehefa avy nanao izany izy, dia nandray an' i Lamônia mpanjaka tamin' ny tanany, ary indro nitsangana izy ka nijoro tamin' ny tongony.

31 Ary avy hatrany izy, rehefa nahita ny fifandirana teo anivon' ny olony, dia nandroso sy nanomboka nandevilevy azy ary nampianatra azy ny "teny izay efa reny tamin' ny vavan' i Amôna; ary izay rehetra nandre ny teniny dia nino sy niova fo ho an' ny Tompo.

32 Nefa nisy maro tamin' ireo no tsy nety nihaino ny teniny; noho izany dia nandeha tamin' ny lalany ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, nony nitsangana i Amôna, dia nampianatra azy koa izy, ary nanao izany koa ny mpanompon' i Lamônia rehetra; ary izy rehetra dia nilaza tamin' ny olona zavatra iray loha ihany — fa efa "novana ny fony; ary tsy nana-

25a Almà 18:2–5.

28a Almà 19:16.

29a 1 Ne. 14:3.

^b TSM Famindram-po.

31a Almà 18:36–39.

33a TSM Ateraka Indray,

Aterak' Andriamanitra.

nany intsony ny faniriana hanao ^bratsy.

34 Ary indro, maro no nanambara tamin' ny olona fa izy ireo dia nahita “anjely sy efa nitafa tamin' izy ireny; ary dia izany no nilazan' izy ireny taminy ny zavatra avy amin' Andriamanitra sy ny momba ny fahamarinany.

35 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro no nino ny teniny; ary izay rehetra nino dia natao “batisa; ary nanjary olo-marina ireo ary nanorina fiangonana iray teo anivony.

36 Ary dia toy izany no nanombohan' ny asan' ny Tompo teo anivon' ny Lamanita; dia toy izany no nanombohan' ny Tompo nandrotsaka ny Fanahiny taminy; ary hitantsika fa ny sandriny dia mitolotra ho an' ny “olona rehetra izay te hibe-baka sy hino ny anarany.

TOKO 20

Nandefa an' i Amôna tany Midônia ny Tompo mba hanafaka ny rahalahiny voafonja—Nihaona tamin' ny rain' i Lamônia izay mpanjaka nanerana ny tany rehetra i Amôna sy i Lamônia—Nanery ilay lahiantitra mpanjaka i Amôna hanaiky ny hanafaka ny rahalahiny. Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony efa nanorina fiangonana iray teo amin' izany tany izany izy ireo, dia nirian' i Lamônia mpanjaka i Amôna mba handeha hiaraka

amin' mankany an-tanin' i Nefia hahazoany mampiseho azy an-drainy.

2 Ary tonga tamin' i Amôna ny feon' ny Tompo nanao hoe: Tsy handeha hiakatra any an-tanin' i Nefia ianao, satria indro, hifofo ny ainao ny mpanjaka; fa handeha kosa ianao hankany an-tanin' i Midônia; satria indro, i Aharôna rahalahinao ary koa i Molôkia sy i Amà dia any am-ponja.

3 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nandre izany i Amôna, dia hoy izy tamin' i Lamônia: Indro, ny rahalahiko sy ireo rahalahiko dia any am-ponja any Midônia, ary handeha aho hahazoako manafaka azy ireo.

4 Ankehitriny dia hoy i Lamônia tamin' i Amôna: Fantatro fa afaka manao ny zava-drehetra ianao amin' ny “herin' ny Tompo. Nefa indro, handeha hiaraka amina hankany an-tanin' i Midônia aho; satria ny mpanjakan' ny tanin' i Midônia, izay Antiômnao no anarany, dia sakaizako; koa handeha hankany an-tanin' i Midônia aho hahazoako manasohaso ny mpanjakan' ny tany, ka havoakany avy tany am-^bponja ny rahalahinao. Ankehitriny dia hoy Lamônia taminy: Iza no niteny taminao fa any am-ponja ny rahalahinao?

5 Ary hoy i Amôna taminy: Tsy nisy nilaza tamiko afa-tsy Andriamanitra; ary hoy Izy

33b Môsià 5:2;
Almà 13:12.
34a TSM Anjely.

35a TSM Batisa.
36a 2 Ne. 26:33;
Almà 5:33.

20 4a Almà 26:12.
b Almà 20:28–30.

tamiko—Mandehàna ary afaho ny rahalahinao, satria any amponja izy ireo any an-tanin' i Midônia.

6 Ankehitriny nony efa nandre izany i Lamônia, dia nasainy nampiomana ny “soavaliny sy ny kalesiny ny mpanompony.

7 Ary hoy izy tamin' i Amôna: Avia, handeha hiaraka aminao hidina any an-tanin' i Midônia aho, ary hiangavy ny mpanjaka any mba hamoahany ny rahalahinao hiala avy tao am-ponja.

8 Ary ny zava-nitranga, raha nandeha nankany i Amôna sy i Lamônia, dia nifanehitra tamin' ny rain' i Lamônia, izay mpanjaka “manerana ny tany rehetra.

9 Ary indro, hoy ny rain' i Lamônia taminy: Nahoana ianao no tsy tonga tany amin' ny “fanasana tamin' ilay andro lehibe izay nanaovako fanasana ho an' ny zanako lahy sy ho an' ny vahoakako?

10 Ary hoy koa izy: Mandeha mankaiza moa ianao miaraka amin' ity Nefita izay anankiray amin' ny zanaky ny “mpandainga ity?

11 Ary ny zava-nitranga dia notantarain' i Lamônia azy izay halehany, satria natahotra ny hanafintohina azy izy.

12 Ary nolazainy azy koa ny antony rehetra nijanonany tao amin' ny fanjakany ihany ka tsy nandehanany tany amin-drainy, tamin' ny fanasana izay efa nomaniny.

13 Ary ankehitriny, rehefa avy

nitantara ireo zavatra rehetra ireo taminy i Lamônia, dia indro, akory ny hagagany fa tezi-ta taminy ny rainy ary nanao hoe: Ry Lamônia, ianao dia handeha hanafaka ireo Nefita ireo izay zanaky ny mpandainga. Indro, nandroba ny razantsika izy; ary ankehitriny dia efa tonga eto amintsika koa ny zanany mba hahazoany mamitaka antsika, amin' ny hafetseny sy ny laingany, mba hahazoany mandroba antsika indray amin' ny fananantsika.

14 Ankehitriny ny rain' i Lamônia dia nandidy azy ny hamonoany an' i Amôna amin' ny sabatra. Ary nodidiany koa izy ny tsy handehanany any an-tanin' i Midônia fa hiverina miaraka aminy kosa any an-tanin' i “Ismaela.

15 Nefa hoy i Lamônia taminy: Tsy hamono an' i Amôna aho sady tsy hiverina any an-tanin' i Ismaela, fa handeha kosa hankany an-tanin' i Midônia mba hahazoako manafaka ny rahalahin' i Amôna, satria fantatro fa olo-marina sy mpaminany masin' Ilay Andriamanitra marina izy ireo.

16 Ankehitriny, nony efa nandre ireo teny ireo ny rainy, dia tezitra taminy sy nanatsoaka ny sabany hahazoany mamely azy ho lavo amin' ny tany.

17 Nefa nandroso i Amôna ary nanao taminy hoe: Indro, tsy hovanoinao ny zanakao lahy; na dia “mety kokoa aza ny hahalavo azy toy izay ianao, satria

indro, efa ^bnibebaka tamin' ny fahotany izy; fa raha ianao kosa no ho lavo amin' izao fotoana izao, ao amin' ny fahatezeranao, dia tsy ho azo vonjena ny fanahinao.

18 Ary koa, ilaina ny handefaranao; fa raha "mamono ny zanakao lahy ianao noho izy tsy manan-tsiny, ny rany dia hiantso ny Tompo Andriamaniny avy ao amin' ny tany mba ho tonga aminao ny valifaty; ary angamba dia hahavery ny ^bfanahinao ianao.

19 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Amôna, dia namaly azy izy, nanao hoe: Fantatro fa raha mamono ny zanako lahy aho, dia handatsaka ra tsy manan-tsiny; satria efa nokatsahinao ny hamongotra azy.

20 Ary naninjitra ny tany izy mba hamono an' i Amôna. Saingy notoherin' i Amôna ny famelezany ary nasiany koa ny sandriny mba tsy hahafahany mampiasa izany.

21 Ankehitriny nony nahita ny mpanjaka fa afaka mamono azy i Amôna, dia nanomboka nitalaho tamin' i Amôna izy mba hitsimbina ny ainy.

22 Fa nanainga ny sabany kosa i Amôna, ary nanao taminy hoe: Indro, hamely anao aho raha tsy tovinao amiko ny hahazoana mamoka ny rahalahiko avy ao am-ponja.

23 Ankehitriny dia natahotra ny mpanjaka sao hahavery ny ainy izy, ka hoy izy: Raha hi-

tsimbina ny aiko ianao, dia hotoviko aminao na inona na inona hangatahinao, na dia ny antsasaky ny fanjakana aza.

24 Ankehitriny nony nahita i Amôna fa efa nentiny araka ny itiavany azy ilay lahiantitra mpanjaka, dia hoy izy taminy: Raha ekenao ny hahazoana mamoka ny rahalahiko avy ao am-ponja ary koa ny hahazoan' i Lamônia mitazona ny fanjakany, ary tsy ho sosotra aminy ianao fa ekenao ny hahazoany manao araka ny faniriany "na inona na inona zavatra heveriny, dia hitsimbina anao aho amin' izany; raha tsy izany dia hasiako ianao ho lavo amin' ny tany.

25 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia nanomboka niravoravo ny mpanjaka noho ny ainy.

26 Ary nony hitany fa tsy nana-paniriana ny hamongotra azy i Amôna, ary nony hitany koa ny fitiavana lehibe nananany ho an' i Lamônia zananelahy, dia talanjona fatratra tokoa izy, ary hoy izy: Satria izay ihany no efa nirinao, dia ny hanafahako ny rahalahinao sy ny hamelako an' i Lamônia zanako lahy hitana ny fanjakany, dia indro, hotoviko aminao ny hahazoan' ny zanako lahy mitana ny fanjakany, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay; ary tsy hifehy azy intsony aho—

27 Ary hotoviko aminao koa ny hahazoana mamoka ny rahalahinao avy ao am-ponja,

ary ny hahazoanao sy ny rahalahinao mankany amiko, any amin' ny fanjakako; fa iriko fatratra tokoa ny hahita anao. Satria talanjona fatratra tokoa ny mpanjaka tamin' ny teny izay efa nolazainy ary koa tamin' ny teny izay efa nolazain' i Lamônia zanany lahy, noho izany dia "naniry izy ny hianatra azy ireny.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanohy ny diany nankany antanin' i Midônia i Amôna sy i Lamônia. Ary nahita sitraka teo imason' ny mpanjakan' ny tany i Lamônia, noho izany dia nentina nivoaka ny tranomazina ny rahalahin' i Amôna.

29 Ary nony nahita azy ireo i Amôna dia feno alahelo fatratra tokoa izy, satria indro fa nitanjaka izy ireo ary ny hodiny dia simba izaitsizy tokoa noho izy ireo nifatotra tamin' ny tady mafy. Ary izy ireo koa dia efa niaritra hanoanana, hetaheta, ary ny karazam-pahoriana rehetra; kanefa dia "nanam-paharetana izy ireo tamin' ny fijaliany rehetra.

30 Ary dia hita fa efa anjarany ny hianjera eo an-tanan' ny vahoaka mafy fo kokoa sy heny-jatoka kokoa; koa tsy tiany hohenoina ny teniny, ary efa noroahiny izy ireo hiala, ary efa nasiany izy ireo, ary efa nenjehiny isan-trano, isan-toerana izy ireo, na dia mandra-pahatongan' izy ireo tany an-tanin' i Midônia aza; ary tany dia nalaina izy ireo ary natsipy tao am-ponja, ary nafatotra tamin'

ny "tady mafy sy notanana am-ponja nandritra ny andro maro, ary nafahan' i Lamônia sy i Amôna.

Fitantarana ny fitorian' i Aharôna sy i Molôkia ary ny rahalahiny tamin' ny Lamanita.

Mahafaoka ny toko 21 ka hatramin' ny 26 manontolo.

TOKO 21

Nampianatra ny Amalekita ny momba an' i Kristy sy ny sorompnavotany i Aharôna — Voafonja any Midônia i Aharôna sy ny rahalahiny — Taorian' ny fanafahana azy ireo, dia nampianatra tao amin' ny sinagoga izy ireo ary nampiova fo ny maro — Nomen' i Lamônia fahafahana ara-pivavahana ny vahoaka any an-tanin' i Ismaela. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY rehefa "nifandao teo amin' ny sisin-tanin' ny Lamanita i Amôna sy ny rahalahiny, dia indro nandeha i Aharôna nankamin' ny tany izay nantsoin' ny Lamanita hoe Jerosalema, nantsoina araka ny tany nahaterahan' ny razany; ary lavitra izany fa nifandray tamin' ny sisintanin' i Môrmôna.

2 Ankehitriny ny Lamanita sy ny Amalekita ary ny vahoakan' i "Amiolôna dia efa nanorina tanàna lehibe anankiray, izay nantsoina hoe Jerosalema.

3 Ankehitriny, izy samy Lamanita dia efa mafy fo ihany nefa

ny Amalekita sy ny Amiolônita dia mbola mafy fo kokoa; noho izany dia nataony izay hanamafisan' ny Lamanita ny fony mba hahatonga azy ho mahery amin' ny faharatsiana sy amin' ny fahavetavetany.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao an-tanànan' i Jerosalema i Aharôna ary nanomboka nitory voalohany tamin' ny Amalekita. Ary nanomboka nitory taminy tao amin' ny sinagogany izy, fa efa naoriny araka ny "lamin' i Nehôra ny sinagoga; fa maro tamin' ny Amalekita sy ny Amiolônita no araka ny lamin' i Nehôra.

5 Noho izany, raha niditra ny anankiray tamin' ny sinagogany i Aharôna mba hitory amin' ny olona, ary raha mbola niteny taminy izy, dia indro nisy Amalekita anankiray nitsangana sy nanomboka nifanditra taminy, nanao hoe: Inona ange ity ambaranao ity? Efa nahita "anjely iray ianao? Nahoana ny anjely no tsy miseho aminay? Indro, moa va ity vahoaka ity tsy mba tsara toy ny vahoakanao?

6 Lazainao koa fa raha tsy mibebaka izahay, dia ho faty. Ahoana no ahafantaranao ny eritreritra sy ny fisaintsainan' ny fonay? Ahoana no ahafantaranao fa manana antony hibe-bahana izahay? Ahoana no ahafantaranao fa vahoaka tsy marina izahay? Indro, efa nanorina fitoeramasina izahay ary mivory miaraka mba hidera an' Andriamanitra. Izahay dia mino

fa hamonjy ny olon-drehetra Andriamanitra.

7 Ankehitriny dia hoy i Aharôna taminy: Mino va ianao fa ny Zanak' Andriamanitra dia ho tonga mba hanavotra ny olombelona amin' ny fahotany?

8 Ary hoy ralehilahy taminy: Tsy mino izahay fa fantatrao ny zavatra toy izany. Tsy mino ireny fomban-drazana adaladala ireny izahay. Tsy mino izahay fa fantatrao ny "zavatra ho avy, sady tsy mino izahay fa ny razanao ary koa ny razanay dia nahalala ny momba ny zavatra izay nolazain' izy ireo, dia ny amin' izay ho avy.

9 Ankehitriny i Aharôna dia nanomboka nanokatra taminy ny soratra masina mikasika ny fiavian' i Kristy, ary koa mikasika ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty, ary nolazainy fa "tsy mety hisy ny fanavotana ho an' ny olombelona afa-tsy amin' ny alalan' ny fahafatesana sy ny fijalian' i Kristy ary ny 'sorompanavotan' ny rany.

10 Ary ny zava-nitranga, raha nanomboka nanazava ireny zavatra ireny taminy izy, dia tezitra taminy ireo ary nanomboka naneso azy; ary tsy nety nihaino ny teny izay nolazainy izy ireo.

11 Noho izany, nony hitany fa tsy nety nihaino ny teniny izy ireo, dia nandeha izy niala ny sinagogany ary lasana nankamin' ny tanàna kely iray izay nantsoina hoe Ania-Antia, ary

tao izy dia nahita an' i Molôkia nitory ny teny tamin' ny olona; ary koa i Amà sy ny rahalahiny. Ary niady hevitra tamin' ny maro momba ny teny izy ireo.

12 Ary ny zava-nitranga dia hitany fa hanamafy ny fony ny olona, noho izany dia niainga izy ireo ary nankany an-tanànan' i Midônia. Ary notoriany tamin' ny maro ny teny, ary vitsy no nino ny teny izay nampianariny.

13 Na dia teo aza izany dia nosamborina i Aharôna sy ny sasany tamin' ny rahalahiny ary natsipy tany am-ponja, ary nandositra kosa ny sisa taminy niala ny tanin' i Midônia nankamin' ny faritra manodidina.

14 Ary "niaritra zavatra maro ireo izay natsipy tany am-ponja, ary nafahan' ny tanan' i Lamônia sy i Amôna izy ireo ary nomena hanina sy notafiana.

15 Ary nandeha indray izy ireo mba hilaza ny teny, ary dia toy izany no nanafahana voalohany azy ireo avy tao am-ponja; ary dia toy izany no efa niaretany.

16 Ary nalehany na taiza na taiza nitarihin' ny "Fanahin' ny Tompo azy ireo, nitory ny tenin' Andriamanitra tao amin' ny sinagoga rehetra an' ny Amalekita na tamin' ny fivoriana rehetra an' ny Lamanita izay nahazoany niditra.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitahy azy ireo ny Tompo, hany ka nentiny ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana ny maro; eny, "noreseny lahatra ny maro ny amin' ny

fahotany sy ny amin' ny fomban' ny razany izay tsy mety.

18 Ary ny zava-nitranga dia niverina avy tany an-tanin' i Midônia i Amôna sy i Lamônia ka nankany an-tanin' i Ismaela, izay tany loany.

19 Ary tsy navelan' i Lamônia mpanjaka hanompo azy, na ho lasa mpanompony i Amôna.

20 Fa nataony izay hisian' ny sinagoga miorina ao an-tanin' i Ismaela; ary ny olony, na ny olona izay teo ambany fanapahany, dia nasainy nivory miaraka.

21 Ary niravoravo taminy izy ka nampianatra azy zavatra maro. Ary nolazainy taminy koa fa izy dia vahoaka izay eo ambany fifehezany, fa vahoaka afaka izy, afaka tamin' ny fampahorian' ny mpanjaka rainy; satria efa neken-drainy taminy ny hahazoany manjaka amin' ny vahoaka izay eo amin' ny tanin' i Ismaela sy ny tany rehetra manodidina.

22 Ary nolazainy taminy koa fa mety hanana "fahafahana izy hitsaoka ny Tompo Andriamaniny, araka ny faniriany, na aiza na aiza toerana misy azy, raha toa izany ka eo amin' ny tany izay eo ambany fanapahan' i Lamônia mpanjaka.

23 Ary i Amôna dia nitory tamin' ny vahoakan' i Lamônia mpanjaka; ary ny zava-nitranga dia nampianariny azy ny zavadrehetra momba ny zavatra mikasika ny fahamarinana. Ary namporisihany isan' andro tamin' ny fahazotoana rehetra izy;

ary nampandry sofina tamin' ny teniny izy, ary narisika tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra.

TOKO 22

Nampianatra ny rain' i Lamônia ny amin' ny Nahariana, ny fahalo-voan' i Adama ary ny drafitry ny fanavotana amin' ny alalan' i Kristy i Aharôna—Niova fo ny mpanjaka sy ny ankohonany rehe- tra—Azavaina ny fizaran-tany eo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, raha nampianatra lalandava ny vahoakan' i Lamônia toy izany i Amôna, dia hiverenantsika ny fitantaran' i Aharôna sy ny rahalahiny; fa taorian' ny niaingany niala ny tanin' i Midônia, dia “notarihin' ny Fanahy izy hankany antanin' i Nefia, hankao an-tranon' ny mpanjaka izay nanapaka ny tany rehetra ^bafa-tsy ny tanin' i Ismaela; ary izy no rain' i Lamônia.

2 Ary ny zava-nitranga dia niditra tao aminy izy, nankao an-dapan' ny mpanjaka niaraka tamin' ny rahalahiny sy nianko-hoka teo anoloan' ny mpanjaka ary nanao taminy hoe: Indro, Ry mpanjaka ô, izahay no rahalahin' i Amôna, izay efa nafahanao “hiala ny fonja.

3 Ary ankehitriny, Ry mpanjaka, raha mitsimbina ny ainay ianao, dia ho mpanomponao izahay. Ary hoy ny mpanjaka

taminy: Mitsangàna fa hotsimbiniho ny ainareo, ary tsy hamela anareo ho lasa mpanompoko aho; fa mikiry kosa aho ny hampianaranareo ahy; satria somary sahirana ihany ny saiko noho ny fahamboniana sy ny fahalehibeazan' ny tenin' i Amôna rahalahinao; ary maniry aho hahalala ny antony tsy nahatongavany avy tany Midônia niaraka taminao.

4 Ary hoy i Aharôna tamin' ny mpanjaka: Indro, ny Fanahin' ny Tompo no efa niantso azy ho amin' ny lalan-kafa; efa lasana any an-tanin' i Ismaela izy mba hampianatra ny vahoakan' i Lamônia.

5 Ankehitriny dia hoy ny mpanjaka taminy: Inona ange ilay vao nolazainao teo momba ny Fanahin' ny Tompo? Indro, io no zavatra izay manahirana ahy.

6 Ary koa, inona ity nolazain' i Amôna ity hoe—“Raha mibebaka ianareo dia hovonjena, ary raha tsy mibebaka ianareo dia hariana amin' ny andro farany?

7 Ary namaly azy i Aharôna sady nanao taminy hoe: Mino va ianao fa misy Andriamanitra? Ary hoy ny mpanjaka: Fantatro fa lazain' ny Amalekita fa misy Andriamanitra, ary efa notoviko taminy ny hanorenany fitoeramaina izay hahazoany mivory miaraka mba hidera Azy. Ary raha lazainao ankehitriny fa misy Andriamanitra, dia indro “hino aho.

8 Ary ankehitriny nony nandre izany i Aharôna, dia

22 1a Almà 21:16–17.
b Almà 21:21–22.

2a Almà 20:26.
6a Almà 20:17–18.

7a F&F 46:13–14.

nanomboka nifaly ny fony, ary hoy izy: Indro toy ny maha azo antoka tokoa ny mahavelona anao, Ry mpanjaka, no isian' Andriamanitra.

9 Ary hoy ny mpanjaka: Moa va Andriamanitra no ilay "Fanahy Lehibe izay nitondra ny razantsika niala ny tanin' i Jerosalema?

10 Ary hoy i Aharôna taminy: Eny, Izy no ilay Fanahy Lehibe ary Izy no "nahary ny zava-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany. Mino izany va ianao?

11 Ary hoy izy: Eny, mino aho fa ny Fanahy Lehibe no nahary ny zava-drehetra ary iriko ny hilazanao amiko ny momba ireo zavatra rehetra ireo, ary "hino ny teninao aho.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita i Aharôna fa hino ny teniny ny mpanjaka, dia nanomboka hatrany amin' ny nahariana an' i Adama izy, "namaky ny soratra masina tamin' ny mpanjaka—ny fomba naharian' Andriamanitra ny olona araka ny endriny ihany sy ny nanomezan' Andriamanitra azy didy, ary noho ny fandikan-dalàna dia efa lavo ny olona.

13 Ary i Aharôna dia nanazava taminy ny soratra masina hatramin' ny "nahariana an' i Adama, namelabelatra teo anoloany ny fahalavoan' ny olona sy ny

toetrany ara-nofa ary koa ny ^bdrafitry ny fanavotana, izay efa voaomana hatry ny ^dfanore-nana izao tontolo izao amin' ny alalan' i Kristy, ho an' izay rehetra hino ny anarany.

14 Ary satria efa "lavo ny olona dia tsy mety ho ^bmendrika na inona na inona ny tenany; fa ny fijaliana sy ny fahafatesan' i Kristy kosa dia "manonitra ny fahotany amin' ny alalan' ny finoana sy ny fibebahana, sy ny sisa; ary manapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana Izy, hany ka tsy hanam-pandresena ny ^cfasana, ary ny fanindronan' ny fahafatesana dia hatelina ao amin' ny fanantenana ny voninahitra; ary i Aharôna dia nana-zava ireo zavatra rehetra ireo tamin' ny mpanjaka.

15 Ary ny zava-nitranga, nony efa nanazava ireo zavatra ireo taminy i Aharôna, dia hoy ny mpanjaka: "Inona no hataoko mba hahafahako manana izany fiainana mandrakizay izay efa noresahinao izany? Eny, inona no hataoko mba ho azo ^baterak' Andriamanitra aho, rehefa hongotana hiala ao an-tratrako izao faharatsiam-panahy izao ka handraisako ny Fanahiny mba hahatonga ahy ho feno fijaliana mba tsy hahazoana mandroaka ahy amin' ny andro farany? Indro, hoy izy, hilaozako izay ^drehetra ananako, eny, hafoiko ny

9a Almà 18:18–28.

10a TSM Fahariana.

11a TSM Finoana.

12a 1 Ne. 5:10–18;

Almà 37:9.

13a Gen. 1:26–28.

b TSM Drafitry ny

Fanavotana.

d 2 Ne. 9:18.

14a TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

b 2 Ne. 25:23;

Almà 42:10–25.

d Almà 34:8–16.

TSM Sorompanavotana.

e Isa. 25:8; 2 Tan. 15:55.

15a Asa 2:37.

b Almà 5:14, 49.

d Mat. 13:44–46;

19:16–22.

fanjakako mba hahazoako mandray izany fifaliana lehibe izany.

16 Nefa hoy i Aharôna tamin'ny: Raha "maniry izany zavatra izany ianao, raha miankohoka eo anoloan' Andriamanitra ianao, eny, raha mibebaka amin' ny fahotanao rehetra ianao ary miankohoka eo anoloan' Andriamanitra sy miantso ny anarany amim-pinoana sady mino fa ianao dia handray, amin' izany dia handray ny ^bfanantenana izay irinao ianao.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa nilaza ireo teny ireo i Aharôna, dia "niankohoka teo anoloan' ny Tompo ny mpanjaka, nandohalika; eny, niankohoka tamin' ny tany aza izy, ary ^bnihiaka mafy tokoa, nanao hoe:

18 Andriamanitra ô, efa niteny tamiko Aharôna fa misy Andriamanitra; ary raha misy Andriamanitra, ary raha ianao no Andriamanitra, dia aoka ianao hampahafantatra ny tenanao amiko, ary hafaiko ny fahotako rehetra hahafantarako Anao sy hahazoako mitsangana amin' ny maty ary hovanjena amin' ny andro farany. Ary ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny mpanjaka, dia voa izy ka miova tsy toy ny maty.

19 Ary ny zava-nitranga dia nihazakazaka ny mpanompony ary niteny tamin' ny mpanjakavavy, izay rehetra efa nanjo ny mpanjaka. Ary niditra izy nankao amin' ny mpanjaka; ary nony nahita azy niampatra miova tsy toy ny maty izy, ary

koa i Aharôna sy ny rahalahiny nijoro miova tsy ireo no anton' ny fahalavoany, dia tezitra tamin' izy, ary nodidiany ny mpanompony, na ny mpanompon' ny mpanjaka, ny hakany sy ny hamonoany azy ireo.

20 Ankehitriny dia efa nahita ny antony nahalavo ny mpanjaka ireo mpanompo, noho izany dia tsy sahiny ny nikasi-tanana an' i Aharôna sy ny rahalahiny; ary nitalahoany ny mpanjakavavy, nanao hoe: Nahoana ianao no mandidy ny hamonoanay ireo lehilahy ireo kanefa indro ny anankiray aminy dia "mahe-ry kokoa noho izahay rehetra? Noho izany dia ho lavo eo anoloany izahay.

21 Ankehitriny, nony nahita ny tahotry ny mpanompo ny mpanjakavavy, izy koa dia nanomboka natahotra izaitsizy tokoa fandrao hisy loza ho tonga aminy. Ary nandidy ny mpanompony izy ny handehany sy ny hiantsoany ny vahoaka mba hahazoan' ireo mamono an' i Aharôna sy ny rahalahiny.

22 Ankehitriny nony nahita ny fahavononan' ny mpanjakavavy i Aharôna, noho izy nahalala rahateo ny hamafin' ny fon' ny vahoaka, dia natahotra izy fandrao ho sesehena no hiara-tafangona ka hisy fifandirana lehibe sy fikorontanana eo anivony; noho izany dia narosony ny tanany ary natsangany avy tamin' ny tany ny mpanjaka, ary hoy izy tamin'ny: Mijoroa. Ary

16a TSM Fiovam-po.
b Etera 12:4.

17a F&F 5:24.
b TSM Vavaka.

20a Almà 18:1-3.

nijoro tamin' ny tongony izy sady niverina ny tanjany.

23 Ankehitriny dia izany no natao teo anatrehan' ny mpanjakavavy sy ny maro tamin' ny mpanompony. Ary nony nahita izany izy ireo, dia talanjona fatratra tokoa ary nanomboka natahotra. Dia nandroso ny mpanjaka ary natombony ny "fampianarana azy ireo. Ary nampianariny izy ireo, hany ka ny ankohonany rehetra dia ^bniova fo ho an' ny Tompo.

24 Ankehitriny dia sesehena ireo niara-tafangona noho ny didin' ny mpanjakavavy, ary nanomboka nisy fimonomonana be teo anivony noho i Aharôna sy ny rahalahiny.

25 Nefa nandroso teo anivony ny mpanjaka ary nampianatra azy. Ary nitony tamin' i Aharôna sy ireo izay niaraka taminy izy.

26 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny mpanjaka fa nitony ny vahoaka, dia nataony izay handrosoan' i Aharôna sy ny rahalahiny teo anivon' ny valalabemandry sy ny hitoriany ny teny aminy.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandefa "filazana eran' ny tany rehetra ny mpanjaka, tany anivon' ny vahoakany rehetra izay teo amin' ny taniny rehetra, izay tamin' ny faritra rehetra manodidina, izay nanamorona ny ranomasina aza, tao atsinanana sy tao andrefana, ary izay tafasarak' tamin' ny tanin' i ^bZarahemlà noho ny tany foana lavalava

kely velarana, izay niainga avy tany amin' ny ranomasina atsinanana ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana, ary ny faritra manodidina ny sisin' ny moron-dranomasina, ary ny sisin' ny tany foana izay tao avaratra akaikin' ny tanin' i Zarahemlà, ka namakivaky ny sisintanin' i Mantia akaikin' ny loharanon' ny renirano Sidôna, izay nikoriana avy tany atsinanana nankany andrefana — ary dia toy izany no nampizarazara ny Lamanita sy ny Nefita.

28 Ankehitriny, ny ampahany "kamo indrindra tamin' ny Lamanita dia niaina tany an-tany foana sy nitoetra tanaty lay; ary izy ireo dia niely eran' ny tany foana tany andrefana, tany antanin' i Nefia; eny, ary koa, tany andrefan' ny tanin' i Zarahemlà, tamin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina sy tany andrefana tany an-tanin' i Nefia, tao amin' ny toerana izay lova voalohan' ny razany, ary dia nanemitra akaiky toy izany ny lavan' ny moron-dranomasina.

29 Ary nisy Lamanita maro koa tany atsinanana akaiky ny moron-dranomasina, izay efa nanosehan' ny Nefita azy. Ary araka izany dia efa saika voahodidin' ny Lamanita ny Nefita; na dia teo aza izany, dia efa noraisin' ny Nefita ny fizakana ny faritra avaratra rehetra tamin' ny tany nanamorona ny tany foana, tao amin' ny loharanon' ny renirano Sidôna, hatrany atsinanana ka hatrany

23a TSM Fanompoana;
Mitory; Mampianatra.

^b TSM Fiovam-po.
27a Almà 23:1–4.

^b Ômnia 1:13–17.
28a 2 Ne. 5:22–25.

andrefana, manodidina ny fari-try ny tany foana; tao avaratra ka mandra-pahatonga azy mi-hitsy tany amin' ny tany izay nantsoiny hoe "Soafeno.

30 Ary izany dia nanamorona ny tany izay nantsoiny hoe "Faharavana, noho izy nianavaratra lavitra tokoa ka tonga tao amin' ny toerana izay efa none-nana sy efa noravana, izay efa noresahantsika ny ^btaolana tao, izay efa hitan' ny mponin' i Zarahemlà noho izy toerana ^dniantsonany voalohany.

31 Ary niainga avy teo izy dia niakatra nankany an-tany foana atsimo. Dia toy izany no niantsoana ny tany tao avaratra hoe "Faharavana, ary ny tany tao atsimo dia nantsoina hoe Soafeno, noho izy tany foana dia fenon' izay rehetra mety ho bibidia isan-karazany, ka ny sasany taminy dia efa tonga avy tany amin' ny tany avaratra mba hitady hanina.

32 Ary ankehitriny dia lalana indray andro sy tapany ihany, ho an' ny Nefita anankiray, ny "halavirana eo amin' i Soafeno sy ny tany Faharavana, hatrany amin' ny ranomasina atsinana-na ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana; ary araka izany ny tanin' i Nefia sy ny tanin' i Zarahemlà dia saika voahodidin' ny rano noho ny fisian' ny ^bvozon-tany kely eo anelanelan' ny tany ao avaratra sy ny tany ao atsimo.

33 Ary ny zava-nitranga dia

efa nonina teo amin' ny tanin' i Soafeno ny Nefita, hatrany amin' ny ranomasina atsinana-na ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana, ary noho ny fahendreny dia efa notohain' ny Nefita toy izany, niaraka tamin' ny mpiambina sy ny miaramilany, ny Lamanita tao atsimo, ka izany dia ny tsy hananany tany intsony any avaratra mba tsy hahazoany manani-bohitra ny tany andafiavaratra.

34 Noho izany ny Lamanita dia tsy nety nahazo tany intsony afa-tsy tao amin' ny tanin' i Nefia sy ny tany foana manodidina. Ankehitriny, izany dia fahendrena tamin' ny Nefita — noho ny Lamanita efa fahavalo ho azy, dia tsy te hiaritra fahoriana na avy aiza na avy aiza izy, ary mba hahazoany koa tany iray izay hahafahany mandositra araka ny sitrapony.

35 Ary ankehitriny, rehefa voalaza izany, dia hiverina indray amin' ny fitantaran' i Amôna sy i Aharôna, i Ômniera sy i Himnia ary ireo rahalahiny aho.

TOKO 23

Fanambarana ny fahalalahana arapivavahana — Niova fo ny Lamanita teo amin' ny tany sy ny tanàna fito — Nantsoiny hoe Antia-Nefia-Lehia ny tenany, ary nafahana tamin' ny ozona izy — Nandà ny marina ny Amalekita sy ny Amiolônita. Tokony ho 90–77 talohan' i j.k.

29a Almà 52:9; 63:5.

30a Almà 50:34;

Môrm. 4:1–3.

b Môsià 8:7–12;

28:11–19.

d Hel. 6:10.

31a Hel. 3:5–6.

32a Hel. 4:7.

b Almà 50:34.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga dia nalefan' ny mpanjakan' ny Lamanita tany anivony ny vahoakany rehetra ny "filazana ny tsy tokony hikasihan' tana an' i Amôna, na i Aharôna, na i Ômnera, na i Himnia, na ny iray amin' ny rahalahiny izay handeha hitory ny tenin' Andriamanitra, na aiza na aiza toerana hisy azy ireo, na aiza na aiza faritra amin' ny taniny izany.

2 Eny, nalefany tany anivony ny didiny ny tsy tokony hikasihan' tanana azy ireo mba hama-totra azy ireo, na mba hanipy azy ireo any am-ponja; ny tsy tokony handrorany azy ireo koa, na ny hamelezany azy ireo, na ny handroahany azy ireo hiala ny sinagogany, na ny hikapohany azy ireo; ny tsy tokony hitorahany vato azy ireo koa, fa tokony ho azony hidirana malalaka kosa ny tranony ary koa ny tempoliny sy ny fitoeramasy.

3 Ary dia toy izany no nahazoany nandeha sy nitory ny teny araka ny faniriany, satria efa niova fo ho an' ny Tompo ny mpanjaka sy ny ankohonany rehetra; noho izany dia nalefany eran' ny tany ny filazany ho an' ny olony ka tsy ho tojo sakana ny tenin' Andriamanitra, mba hahazoany mandeha eran' ny tany rehetra, ka ny olony dia ho azo resen-dahatra ny amin' ny "fomba ratsin' ny razany sy ho azo resen-dahatra fa mpirahalany

izy rehetra, hany ka tsy tokony hamono olona, na handroba, na hangalatra, na hijangajanga, na hanao izay fomban' ny faharatsiana.

4 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nalefan' ny mpanjaka izany filazana izany, dia nandeha isan-tanana i Aharôna sy ny rahalahiny, ary avy tao amin' ny trano fiderana anankiray dia nankao amin' ny iray hafa, nanorina fiangonana sy nanamasina mpisorona sy mpampianatra nanerana ny tany, tany anivony ny Lamanita, mba hitory sy hampianatra ny tenin' Andriamanitra any anivony; ary dia toy izany no nanombohany nahita fahombiazana lehibe.

5 Ary an' arivony no voatarika ho amin' ny fahalalana ny Tompo, eny, an' arivony no voatarika hino ny "fomban-drazan' ny Nefita; ary nampianarina azy ireo ny ^brakitsoratra sy ny faminiana izay efa nifanolorana hatrany ka hatramin' izao fotoana izao.

6 Ary toy ny maha azo antoka ny mahavelona ny Tompo no maha azo antoka izay rehetra nino, na izay rehetra voatarika ho amin' ny fahalalana ny marina, tamin' ny alalan' ny fitorian' i Amôna sy ny rahalahiny, araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminiana ary ny herin' Andriamanitra, izay nanao fahagagana tao amin' izy ireo—eny, lazaiko aminareo, raha velona koa ny Tompo, rehefa

mety ho Lamanita ka nino ny fitoriany, sy “niova fo ho an’ ny Tompo, dia tsy nihemotra ^bna oviana na oviana.

7 Fa tonga vahoaka marina izy; napetrany ny fiadian’ ny fikomiany ka tsy niady intsony tamin’ Andriamanitra izy no sady tsy nanohitra na iza na iza tamin’ ny rahalahiny.

8 Ankehitriny, dia ireto no “niova fo ho an’ ny Tompo:

9 Ny vahoaka Lamanita izay tao an-tanin’ i Ismaela;

10 Ary koa ny ampahany tamin’ ny vahoakan’ ny Lamanita, izay tao an-tanin’ i Midônia;

11 Ary koa ny ampahany tamin’ ny vahoakan’ ny Lamanita, izay tao an-tanànan’ i Nefia;

12 Ary koa ny ampahany tamin’ ny vahoakan’ ny Lamanita, izay tao an-tanin’ i Silôma sy izay tao an-tanin’ i Semlôna, ary ny tao an-tanànan’ i Lemoela sy ny tao an-tanànan’ i Simnilôma.

13 Ary ireo no anaran’ ny tanànan’ ny Lamanita, izay “niova fo ho an’ ny Tompo; ary ireo no ireo izay nametraka ny fiadian’ ny fikomiany, eny, ny fiadiany rehetra fentina miady; ary Lamanita avokoa ireo.

14 Ary ny Amalekita dia tsy “niova fo, afa-tsy anankiray ihany; tsy nisy na iza na iza koa tamin’ ny ^bAmiolônita; fa nohamafisiny ny fony, ary koa ny fon’ ny Lamanita tamin’ izany faritry ny tany izany, na taiza na taiza nitoerany, eny, ny

vohiny rehetra sy ny tanànanany rehetra.

15 Koa efa notanisaintsika ny tanàna rehetra an’ ny Lamanita izay nibebaka ny tao aminy ary nankamin’ ny fahalalana ny marina sy niova fo.

16 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nirian’ ny mpanjaka sy ireo izay niova fo ny hahazoany manana anarana iray izay hahazoana manavaka azy ireo amin’ ny rahalahiny; noho izany ny mpanjaka dia nidinika tamin’ i Aharôna sy ny ankamaroan’ ny mpisorony ny momba ny anarana izay tokony hoentiny ny tenany mba hahazoana manavaka azy ireo.

17 Ary ny zava-nitranga dia nantsoiny hoe “Antia-Nefia-Lehia ny anarany; ary nantsoina tamin’ io anarana io izy ireo, ary tsy nantsoina intsony hoe Lamanita.

18 Ary nanomboka ho lasa olona tena miasa izy ireo; eny, ary nisakaiza tamin’ ny Nefita izy ireo; noho izany dia nosokafany ny fifaneraserana taminy, ary ny “ozon’ Andriamanitra dia tsy nomba azy ireo intsony.

TOKO 24

Tonga nanafika ny vahoakan’ Andriamanitra ny Lamanita — Niravoravo tao amin’ i Kristy ny Antia-Nefia-Lehia ary novangian’ ny anjely — Nofidiany ny hiaritra

6a TSM Fiovam-po.
b Almà 27:27.
8a Almà 26:3, 31.
12a Môsià 22:8, 11.

13a Almà 53:10.
14a Almà 24:29.
b Môsià 23:31-39.
17a TSM Antia-Nefia-

Lehia.
18a 1 Ne. 2:23;
2 Ne. 30:5-6;
3 Ne. 2:14-16.

fahafatesana toy izay ny hiaro ny tenany—Nihamaro kokoa ny Lamanita niova fo. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia ny Amalekita sy ny Amiolônita ary ny Lamanita izay teo amin' ny tanin' i Amiolôna, ary koa teo amin' ny tanin' i Helama sy izay teo amin' ny tanin' i "Jerosalema, ary raha fintinina, teo amin' ny tany rehetra manodidina, izay tsy niova fo sy tsy nitondra ny anarana hoe ^bAntia-Nefia-Lehia, no namporisihin' ny Amalekita sy ny Amiolônita ho tezitra hanohitra ny rahalahiny.

2 Ary nanjary nihamafy izai-tsizy tokoa ny fankahalany azy, hany ka nanomboka nikomy mihitsy nanohitra ny mpanjakany izy ireo, hany ka tsy tiany intsony ny haha-mpanjakany azy; noho izany dia noraisiny ny fiadiana hanoherana ny vahoakan' ny Antia-Nefia-Lehia.

3 Ankehitriny dia natolotry ny mpanjaka ny zanany ny fanjakana, ary nantsoiny hoe Antia-Nefia-Lehia ny anarany.

4 Ary nodimandry ny mpanjaka tamin' io taona io ihany izay nanombohan' ny Lamanita nanao fiomanana ho amin' ny ady hanoherana ny vahoakan' Andriamanitra.

5 Ankehitriny nony nahita ny fiomanan' ny Lamanita hamongotra ny rahalahiny i Amôna sy ny rahalahiny ary ireo rehetra izay efa nandeha niakatra niaraka taminy, dia nandeha nan-

kany Midiàna izy ireo, ary tany i Amôna no nihaona tamin' ny rahalahiny rehetra; ary avy tany izy ireo no tonga tany an-tanin' i Ismaela mba hahazoany mifanakalo "hevitra miaraka amin' i Lamônia ary koa miaraka amin' i Antia-Nefia-Lehia rahalahiny, ny amin' ny tokony hataony mba hiarovan-tena amin' ny Lamanita.

6 Ankehitriny dia tsy nisy na dia olona iray aza tamin' ny vahoaka rehetra izay efa niova fo ho an' ny Tompo te handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; tsia, tsy tiany na dia ny hanao fiomanana ho amin' ny ady aza; eny, ary nandidy azy koa ny mpanjakany ny tsy tokony hanaovany izany.

7 Ankehitriny dia izao no teny izay nolazainy ny olona momba ity raharaha ity: Misaotra an' Andriamanitra aho ry vahoaka malalako fa ny Andriamanitsika lehibe tao amin' ny hatsarampony dia efa nandefa ireto Nefita rahalahintsika ireto ho antsika mba hitory amintsika sy handresy lahatra antsika ny amin' ny "fomban' ny razantsika mamohetrana.

8 Ary indro, misaotra an' Andriamanitra lehibe aho fa efa nomeny antsika ny ampahany tamin' ny Fanahiny hanalefaka ny fontsika, hany ka efa nosokafantsika ny fifaneraserana tamin' ireto rahalahy Nefita ireto.

9 Ary indro, misaotra koa an' Andriamanitra aho fa tamin' ny nisokafan' izao fifanerasera-

na izao no efa naharesy lahatra antsika ny amin' ny "fahotantsika sy ny amin' ny famonoana olona maro izay efa nataontsika.

10 Ary misaotra koa an' Andriamanitra aho, eny ny Andriamanitra lehibe, fa efa notoviny tamintsika ny hahazoantsika mibebaka amin' ireo zavatra ireo, ary koa fa efa "namela antsika tamin' ireo fahotantsika maro Izy sy ny famonoana olona izay efa nataontsika, ary efa nanaisotra ny ^bheloka hiala ny fantsika tamin' ny fahamen-drehan' ny Zanany.

11 Ary ankehitriny, indro, ry rahalahiko, satria izay ihany no efa azontsika natao (satria isika no tena very indrindra tamin' ny olombelona rehetra) mba hibebehantsika amin' ny fahotantsika rehetra sy ny famonoana olona maro izay efa nataontsika ary mba hitarihana an' Andriamanitra "hanaisotra ireo hiala ny fantsika, satria izay ihany no azontsika natao mba hibebehantsika marina tokoa eo analoan' Andriamanitra ka hanesorany hiala ny pentintsika —

12 Ankehitriny, ry rahalahiko malala tsara indrindra, satria efa nesorin' Andriamanitra hiala ny pentintsika, ary efa lasa mampirapiratra ny sabatsika, dia aoka isika amin' izany tsy hampihosina intsony ny sabatsika amin' ny ran' ny rahalahintsika.

13 Indro, lazaiko aminareo hoe,

Tsia, aoka isika hihazona ny sabatsika mba tsy ho voahosin' ny ran' ny rahalahintsika izany; fa angamba raha mampihosina indray ny sabatsika isika dia tsy ho azo "sasana intsony izany ka hamirapiratra amin' ny alalan' ny ran' ny Zanak' Andriamanitsika lehibe, izay halatsaka ho sorompanavotana noho ny fahotantsika.

14 Ary efa namindra fo tamin-tsika Ilay Andriamanitra lehibe ary nampahafantatra antsika ireo zavatra ireo tamintsika mba tsy hahafaty antsika; eny, ary efa nampahafantariny mialoha ireo zavatra ireo, satria tia ny "fanahintsika Izy ary tia ny zanatsika koa; koa ao amin' ny famindram-pony, dia mamangy antsika Izy amin' ny alalan' ny anjelin'ny, mba hahazoana nampahafantatra antsika ary koa ny taranaka ho avy ny ^bdrafitry ny famonjena.

15 O, endrey ny famindram-pon' Andriamanitsika! Ary ankehitriny, indro, satria izay ihany no azontsika atao mba hanesorana ny pentintsika hiala amintsika, ary ny sabatsika dia atao mampirapiratra dia aoka isika hanafina azy mba hahafahana mitahiry azy mampirapiratra, ho toy ny vavolombelona amin' Andriamanitsika amin' ny andro farany, na amin' ny andro izay hitondrana antsika hijoro eo anoloany mba hotsaraina, fa tsy nampihosina

9a F&F 18:44.
10a Dan. 9:9.
b TSM Heloka.
11a Isa. 53:4-6.

13a Fan. 1:5.
14a TSM Fanahy (Fitambaran'ny Vatana sy ny Fanahy)—

Hasarobidin' ny olona.
b TSM Drafitry ny Fanavotana.

ny sabatsika tamin' ny ran' ny rahalahintsika isika hatramin' ny nanomezany ny teniny ho antsika sy ny nanadiovany antsika tamin' izany.

16 Ary ankehitriny ry rahalahiko, raha mitady ny hamongotra antsika ny rahalahintsika, dia indro hanafina ny sabatsika isika, eny, handevina azy lalina ao anaty tany mihitsy isika mba hahazoana mitahiry azy mami-rapiratra ho toy ny vavolombelona amin' ny andro farany fa tsy nampiasa azy na oviana na oviana isika; ary raha mamongotra antsika ny rahalahintsika, indro "handeha any amin' Andriamanitsika isika ary ho voavonjy.

17 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo filazana ireo ny mpanjaka, ary ny vahoaka rehetra efa vory lanona, dia nalain' izy ireo ny sabany sy ny fiadiana rehetra izay nampiasaina handatsahana ny ran' olona, ary "naleviny lalina tao anaty tany izany.

18 Ary izany no nataony dia satria izany, araka ny fijeriny, no vavolombelona amin' Andriamanitra ary koa amin' ny olona, fa "tsy hampiasainy intsony na oviana na oviana ny fiadiana handatsahana ran' olona; ary izany no nataony dia ny hanamarinana sy ny ^bhifanekena amin' Andriamanitra fa aleony ^dmamoy ny ainy toy izay handatsaka ny ran' ny rahalahiny; ary aleony manome azy amin' ny

tanany toy izay haka amin-drahalahiny; ary aleony miasa fattratra tokoa toy izay handany na androny amin' ny hakamoana.

19 Ary dia toy izany no ahitantsika fa rehefa notarihina hino sy hahalala ny marina ireo Lamanita ireo, dia "niorina izy ireo, ary te hiaritra na dia hatrany amin' ny fahafatesana aza toy izay hanao fahotana; ary dia toy izany no ahitantsika fa naleviny ny fiadiany ho an' ny fandriampahalemana, na naleviny ny fiadiana fitondra miady, ho an' ny fandriampahalemana.

20 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana ho amin' ny ady ny Lamanita rahalahiny ary tonga niakatra tao an-tanin' i Nefia, ka ny tanjona dia ny handringana ny mpanjaka sy ny hametraka anankiray hafa eo amin' ny toerany ary koa ny handringana ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia amin' ny tany.

21 Ankehitriny rehefa nahita ny vahoaka fa tonga izy ireo hanohitra azy, dia nivoaka izy hihaona aminy ary "niankohoka tamin' ny tany teo anoloany sy nanomboka niantso ny anaran' ny Tompo; ary dia tao anatin' izany fihetsika izany izy raha nanomboka namatravatra taminy ny Lamanita, ary rafitra namono azy tamin-tsabatra.

22 Ary dia tsisy fanoherana toy izany no namonoany ny dimy sy arivo taminy; ary fantatsika fa hotahiana izy, satria

16a Almà 40:11–15.

17a Hel. 15:9.

18a Almà 53:11.

^b TSM Fanekepivahana.

^d TSM Sorona.

19a TSM Finoana.

21a Almà 27:3.

efa lasana izy mba hitoetra miaraka amin' Andriamaniny.

23 Ankehitriny rehefa nahita ny Lamanita fa tsy te handositra ny sabatra ny rahalahiny, sady tsy nihodivitra na tao an-kavia na tao an-kavanana fa nety nandry kosa sy ho “ringana ary nidera an' Andriamanitra na dia efa handeha hovanoina amin-tsabatra aza —

24 Ankehitriny, rehefa nahita izany ny Lamanita, dia “nofeheziny ny tenany tsy hamono azy; ary nisy maro izy ireo no efa ^bnivonto ny fony tao anatin' noho ireto rahalahiny ireto izay efa nalavon-tsabatra, satria nibebahany ny zavatra izay efa nataony.

25 Ary ny zava-nitranga dia nariany ny fitaovam-piadiany ary tsy tiany horaisina intsony izany, satria voatsindrona izy ireo noho ny famonoana olona izay efa nataony; ary nianko-hoka tahaka ireo rahalahiny izy ireo, nitoky tamin' ny famindram-pon' ireo izay efa nanainga ny sandriny mba hamono azy ireo.

26 Ary ny zava-nitranga ny isan' izay nikambana tamin' ny vahoakan' Andriamanitra androtriny dia betsaka kokoa noho ny isan' ireo izay efa voavono; ary ireo izay efa voavono dia olo-marina, noho izany dia tsy misy antony isalasalantsika fa efa “voavonjy izy ireny.

27 Ary tsy nisy olon-dratsy iray voavono tamin' izy ireny; saingy nisy nihoatra ny arivo no notarihana ho amin' ny fahalalana ny marina; dia toy izany no ahitantsika fa miasa amin' ny “fomba maro ny Tompo ho famonjena ny olony.

28 Ankehitriny ny maro indrindra tamin' ireo Lamanita izay namono ny maro tokoa tamin' ny rahalahiny dia ny Amalekita sy ny Amiolônita; ny maro indrindra tamin' ireo dia araka ny “lamin' i ^bNehôra.

29 Ankehitriny, tamin' ireo izay nikambana tamin' ny vahoakan' ny Tompo, dia “tsy nisy na dia iray aza izay Amalekita na Amiolônita, na izay araka ny lamin' i Nehôra, fa izy ireo kosa dia tamingan' i Lamàna sy i Lemoela marina.

30 Ary dia toy izany no ahaizantsika mamantatra tsara tokoa fa ny vahoaka iray, rehefa avy “nohazavaina tamin' ny Fanahin' Andriamanitra indray mandeha, ka efa nanana ^bfahalalana lehibe ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamari-nana, ary “lavo ao amin' ny fahotana sy ny fandikan-dalàna avy eo, dia manjary mafy fo kokoa izy, ary noho izany ny toetrany dia manjary “ratsy kokoa noho ny tamin' izy tsy mbola nahalala ireny zavatra ireny.

23a Almà 26:32.

24a Almà 25:1.

^b TSM Fangorahana.

26a Fan. 14:13.

27a Isa. 55:8–9;

Almà 37:6–7.

28a Almà 21:4.

^b Almà 1:15; 2:1, 20.

29a Almà 23:14.

30a Mat. 12:45.

^b Heb. 10:26;

Almà 47:36.

^d 2 Ne. 31:14;

Almà 9:19.

TSM Apôstazia.

^e 2 Pet. 2:20–21.

TOKO 25

Niely ny fanafihan' ny Lamanita — Fongana ny taranaky ny mpisoron' i Noà araka ny naminanian' i Abinadia izany — Maro ny Lamanita niova fo sy nikambana tamin' ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia — Nino an' i Kristy izy ary nitandrina ny lalàn' i Mosesy. Tokony ho 90-77 talohan' i J.K.

ARY indro, ankehitriny ny zavakitranga dia tezitra mafy kokoa ny Lamanita, satria efa novonoiny ny rahalahiny; izany no nianianany ny hamaly faty amin' ny Nefita; ary tsy niezahany intsony ny hamono ny vahoaka "Antia-Nefia-Lehia tamin' izay fotoana izay.

2 Fa naka ny miaramilany kosa izy ary nandeha nankany amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Zarahemlà, ary nosovohany ny mponina izay tao amin' ny tanin' i Amônià ary "naringany.

3 Ary taorian' izany, dia nana-na ady maro tamin' ny Nefita izy, ka tamin' izany izy dia voatosika sy voavono.

4 Ary tamin' ny Lamanita izay voavono, saika izy rehetra dia "taranak' i Amiolôna sy ny rahalahiny izay mpisoron' i Noà, ary voavonon' ny tanan' ny Nefita izy ireo;

5 Ary ny sisa tavela, rehefa nandositra nankany an-tany foana atsinanana ary nisandoka hery sy fahefana tamin' ny

Lamanita, dia nanao izay "handringanana Lamanita maro tamin' ny afo noho ny finoany —

6 Fa maro "taminy, rehefa avy niaritra famoizana be sy fahorianana maro tokoa, no nanomboka nifoha ho amin' ny fahatsiarovana ny ^bteny izay efa notorian' i Aharôna sy ny rahalahiny taminy tany amin' ny taniny; noho izany izy ireo dia nanomboka tsy nino ny ^dfomban' ny razany sy nino ny Tompo fa Izy no nanome fahefana lehibe ho an' ny Nefita; ary dia toy izany no nisian' ny maro taminy niova fo tany an-tany foana.

7 Ary ny zava-nitranga, ireo mpifehy izay sisa tavela tamin' ny zanak' i "Amiolôna dia nanao izay tokony hamonoana azy ireo ho ^bfaty, eny, ireo rehetra izay nino ireo zavatra ireo.

8 Ankehitriny, izany sorona vavolombelona izany dia nanao izay hambosina ny maro tamin' ny rahalahiny ho tezitra; ary nanomboka nisy fifandirana tany an-tany foana; ary nanomboka "nihaza ny taranak' i Amiolôna sy ny rahalahiny ny Lamanita ary rafitra namono azy ireo; ary nandositra nankany an-tany foana atsinanana izy.

9 Ary indro hazain' ny Lamanita mandrak' androany izy. Dia toy izany no nahatanteraka ny tenin' i Abinadia, izay nolazainy momba ny taranaky ny mpisorona izay nanao ny hiaretany fahafatesana tamin' ny afo.

25 1a TSM Antia-Nefia-Lehia.

2a Almà 8:16; 16:9.

4a Môsià 23:35.

5a Môsià 17:15.

6a IE ny Lamanita.

b Almà 21:9.

d Almà 26:24.

7a Almà 21:3; 24:1, 28-30.

b TSM Maritiora.

8a Môsià 17:18.

10 Fa hoy izy taminy: Izay "hataonareo amiko dia tandindon' ny zavatra ho avy.

11 Ary ankehitriny dia i Abinadia no santatr' izay niaritra "fahafatesana tamin' ny afo noho ny finoany an' Andriamanitra; ankehitriny dia izany no tiany holazaina, fa maro no hiaritra fahafatesana amin' ny afo, tahaka ny efa niaretany.

12 Ary nilaza tamin' ny mpi-soron' i Noà izy fa hataon' ny taranany izay hamonoana ny maro ho faty, tahaka ny fomba natao taminy, fa haely patrana lavitra izy ireny ary hovanoina, dia tahaka ny ondry iray tsy manana mpiandry ka enjehina sy vonoin' ny bibidia; ary ankehitriny, indro, ireo teny ireo dia voamarina, satria nenjehin' ny Lamanita izy ireny sady nohazaina sy nokapohina.

13 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa tsy afaka nandresy ny Nefita izy, dia niverina indray tany amin' ny taniny izy; ary maro taminy no nandeha nonina tany amin' ny tanin' i Ismaela sy ny tanin' i Nefia, ary nikambana tamin' ny vahoakan' Andriamanitra, dia ny vahoaka "Antia-Nefia-Lehia.

14 Ary "naleviny koa ny fitaovam-piadiany araka ny efa nataon' ny rahalahiny, ary nanomboka ho tonga olo-marina izy; ary nandeha tamin' ny lalan' ny

Tompo izy ka niezaka ny hitandrina ny didiny sy ny lalàny.

15 Eny, ary notandremanany ny lalàn' i Mosesy; fa nilaina ny mbola hitandremanany ny lalàn' i Mosesy, satria tsy tanteraka avokoa izany. Kanefa, na dia teo aza ny "lalàn' i Mosesy, dia nandrandrainy ny fiavian' i Kristy, noho ny fiheverana fa ny lalàn' i Mosesy dia "tandindon' ny fiaviany sy ny finoana fa tsy maintsy tandremanany ny "fombafomba ivelany mandrapahatongan' ny fotoana izay hanehoana Azy aminy.

16 Ankehitriny dia tsy noheveriny fa ny "famondjena dia tonga amin' ny alalan' ny "lalàn' i Mosesy; saingy ny lalàn' i Mosesy dia natao hanamafy ny finoany an' i Kristy; ary dia toy izany no nitehirizany ny "fanantenana tamin' ny alalan' ny finoana, ho amin' ny famondjena mandrakizay, niantehitra tamin' ny fanahin' ny faminiana izay nilaza ireo zavatra ho avy ireo.

17 Ary ankehitriny, indro, i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnera sy i Himnia, ary ireo rahalahiny, dia nifaly fatratra tokoa, noho ny fahombiazana izay efa azony teo anivon' ny Lamanita, rehefa nahita fa efa nomen' ny Tompo azy ireo araka ny "fivavany, fa efa nohamarininy taminy koa ny teniny, tamin' ny antsipiriany rehetra.

10a Môsià 13:10.

11a Môsià 17:13.

13a Almà 23:16-17.

14a Almà 24:15; 26:32.

15a Jakôba 4:5;

Jarôma 1:11.

tsm Lalàn' i Mosesy.

b Môsià 3:14-15; 16:14.

d Môsià 13:29-32.

16a Môsià 12:31-37;

13:27-33.

b 2 Ne. 11:4.

d 1 Tes. 5:8-9.

17a Almà 17:9.

TOKO 26

Nirehareha tao amin' ny Tompo i Amôna — Nampaherezin' ny Tompo ny olo-mahatoky ary nomena fahalalana — Tamin' ny finoana no nahazoan' ny olona nitondra fanahy an' arivony ho amin' ny fibebahana — Manana ny fahefana rehetra ary mahatakatra ny zava-drehetra Andriamanitra. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ireto no tenin' i Amôna tamin' ny rahalahiny, izay manao toy izao: Ry rahalahiko ara-nofa sy ry rahalahiko ara-panahy, indro lazaiko aminareo, endrey, lehibe ny antony iravoravoantsika; fa moa azon-tsika noheverina va, fony isika ^aniainga avy tany amin' ny tanin' i Zarahemlà, fa ho nomen' Andriamanitra antsika ny fitahiana lehibe toy izao?

2 Ary ankehitriny, manontany aho, inona no fitahiana lehibe efa natolony antsika? Moa azonareo tenenina?

3 Indro, izaho no hamaly ho anareo; fa tao anatin' ny haizina ny Lamanita rahalahintsika, eny, tao anatin' ny lavaka mai-zina indrindra aza, nefa indro, ^afirifiry taminy noentina mba hahita ny fahazavana mahagaga an' Andriamanitra! Ary izany no fitahiana izay efa natolotra antsika, dia ny efa nanaovana antsika ho ^bfitavovana teo an-

tànan' Andriamanitra mba hanatanteraka ity asa lehibe ity.

4 Indro, an' ^aarivony taminy no miravoravo sy efaentina hankao amin' ny valan' Andriamanitra.

5 Indro, masaka ny tao ^aantsaha ary notahiana ianareo, fa narosonareo ny ^bantsimeloka sy nojinjainareo tamin' ny herinareo, eny, ny manontolo andro no niasaranareo; ary jereo ny isan' ny ^damboaranareo! Ary ireny dia hangonina ho any antsom-pitra mba tsy ho very foana.

6 Eny, tsy halamaky ny tafiotra amin' ny andro farany ireny; eny, sady tsy horotidrotehan' ny tadio; fa rehefa tonga kosa ny ^atafiotra, dia hangonina eo amin' ny toerany ireny mba tsy hahafahan' ny tafiotra miditra ao aminy; eny, sady tsy hindao-sin' ny rivo-mahery na aiza na aiza itiavan' ny fahavalo hitondrana azy ireny.

7 Nefa indro, eo an-tanan' ny Tompom-^abokatra ireny, ary Azy ireny; ary ^bhatsangany ireny amin' ny andro farany.

8 Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitsika; aoka isika ^ahihira ho an' ny lazany, eny, aoka isika hanolotra ^bfisaorana ho an' ny anarany masina, fa Izy dia mampihatra fahamarinana mandrakizay.

9 Satria raha tsy niakatra avy tany an-tanin' i Zarahemlà isika, ireto rahalahintsika tiana sy ankamamiana tokoa ireto, izay

26 1a Môsîà 28:9;
Almà 17:6–11.
3a Almà 23:8–13.
b 2 Kor. 4:5;
Môsîà 23:10.
4a Almà 23:5.

5a Jao. 4:35–37;
F&F 4:4.
b Joe. 3:13.
d F&F 33:7–11; 75:2, 5.
6a Hel. 5:12;
3 Ne. 14:24–27.

7a TSM Fararano.
b Môsîà 23:22;
Almà 36:28.
8a F&F 25:12.
b TSM Misaotra.

efa nitia sy nankamamy tokoa antsika, dia mbola ho nampijalian' ny "fankahalana antsika, eny, ary ho vahiny koa tamin' Andriamanitra izy ireo.

10 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia nandevilevy azy i Aharôna rahalahiny nanao hoe: Ry Amôna, manahy aho sao entin' ny fifalianao mankamin' ny fireharehana ianao.

11 Nefa hoy i Amôna taminy: Izaho tsy "mirehareha ny amin' ny heriko, na koa ny amin' ny fahendreko; nefa indro, feno ny ^bfifaliako, eny, safononoky ny fifaliana ny foko ary hifaly amin' Andriamanitra aho.

12 Eny, fantatro fa tsinontsinona aho; raha ny heriko dia malemy aho; koa tsy "hirehareha ny amin' ny tenako aho, fa hirehareha kosa ny amin' Andriamanitra, fa amin' ny ^bheriny no ahafahako manao ny zava-drehetra; eny, indro, fahagagana mahery maro no efa vitantsika eto amin' ity tany ity, izay hankalazantsika ny anarany mandrakizay.

13 Indro, an' arivony firifiry tamin' ny rahalahintsika no efa novahana tamin' ny fanaintainan' ny "helo; ary izy ireny diaentina ^bhihira ny fitiavana manavotra, ary izany dia noho ny herin' ny teniny izay ao amintsika, noho izany moa va isika tsy manana antony lehibe hifaliana?

14 Eny, manana antony hankalazana Azy mandrakizay isika, satria Izy no Andriamanitra Avo Indrindra, sady efa namaha ny rahalahintsika tamin' ny "gadrana' ny helo.

15 Eny, nohodidinin' ny haizina sy ny faharavana maharitra mandrakizay izy; nefa indro, efa nentiny izy hankamin' ny "hazavany maharitra mandrakizay, eny, hankamin' ny famonjena maharitra mandrakizay; ary, izy dia hodidinin' ny hatsaran' ny fitiavany tsy manan-tsahala; eny, ary isika dia efa lasa fitaovana teo an-tanany tamin' ny fanaovana ity asa lehibe sy mahatalanjona ity.

16 Koa aoka isika "hirehareha, eny, ^bhirehareha ao amin' ny Tompo isika; eny, hifaly isika, satria feno ny fifaliantsika; eny, hankalaza an' Andriamanitsika mandrakizay isika. Indro, iza no afaka mirehareha be loatra ao amin' ny Tompo? Eny, iza no afaka milaza be loatra ny amin' ny heriny lehibe sy ny amin' ny "famindrampony ary ny amin' ny faharipony amin' ny zanak' olombelona? Indro, lazaiko aminareo, izaho dia tsy afaka milaza ny ampahany bitika indrindra izay tsapako.

17 Iza no ho nihevitra fa ny Andriamanitsika dia ho feno famindram-po tokoa ka handrombaka antsika hiala amin'

9a Môsia 28:1-2.

11a 2 Kor. 7:14.

b F&F 18:14-16.

tsm Fifaliana.

12a Jer. 9:24;

Almà 29:9.

b Sal. 18:32-40;

Filip. 4:13;

1 Ne. 17:3.

13a tsm Helo.

b Almà 5:26.

14a Almà 12:11.

15a tsm Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

16a Roma. 15:17; 2 Tan. 1:31.

b 2 Kor. 10:15-18;

F&F 76:61.

d Sal. 36:5-6.

ny toetsika mamohetra, feno fahotana ary maloto?

18 Indro, nandeha tamim-pahatezerana isika, niaraka tamin' ny fandrahonana be mba "hamongotra ny fiangonany.

19 Ô tamin' izany, nahoana Izy no tsy nanolotra antsika ho amin' ny famongorana mahatsiravina, eny, nahoana Izy no tsy namela ny sabatry ny fahamarinany hianjera amintsika sy tsy nanameloka antsika tamin' ny famoizam-po mandrakizay?

20 Ô, ry fanahiko, miova tsy efa saika nandositra raha mieritritra izany. Indro, tsy nampihariny tamintsika ny fitsarany, fa tamin' ny famindram-pony lehibe kosa no efa nitondrany antsika niala ny "lavaky ny fahafatesana sy ny fahantrana maharitra mandrakizay mba ho famonjena ny fanahintsika.

21 Ary ankehitriny, indro, ry rahalahiko, iza no olona "araka ny nofo ka mahalala ireo zavatra ireo? Lazaiko aminareo fa tsy misy anankiray izay ^b mahalala ireo zavatra ireo afa-tsy ny mibebaka.

22 Eny, izay ^a mibebaka sy mampihatra ny ^b finoana, ary mamoa asa tsara sy mivavaka lalandava tsy misy fiatoana — ny toa azy no omena mba hahalala ny ^d misterin' Andriamanitra; eny, ny toa azy no homena mba hanambara ny zavatra izay tsy mbola nambara hatrizay;

eny, homena ny toa azy ny hitondra fanahy an' arivony ho amin' ny fibebahana, dia tahaka ny efa nanomezana antsika mba hitondra ireto rahalahintsika ireto ho amin' ny fibebahana.

23 Ankehitriny, moa tadidinareo va, ry rahalahiko, fa raha nilaza tamin' ny rahalahintsika tany an-tanin' i Zarahemlà isika, fa handeha isika hiakatra any an-tanin' i Nefia, mba hitory amin' ny Lamanita rahalahintsika, dia nihomehy naneso antsika izy?

24 Fa hoy izy tamintsika: Moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia afaka mitondra ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny marina? Moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia afaka mandresy lahatra ny Lamanita ny amin' ny fahadisoan' ny ^fomban' ny razany, amin' ny maha-vahoaka ^b mafy hatoka azy, izay ny fony dia finaritra amin' ny fandatsahan-dra; izay ny androny dia efa nolaniana tamin' ny heloka bontolo indrindra; izay ny lalany dia efa zary lalan' ny mpandika lalàna hatrany am-piandohana? Ankehitriny ry rahalahiko, dia tadidinareo fa izany no teniny.

25 Ary ankoatra izany dia nilaza izy hoe: Aoka halaintsika ny fiadiana hanoherana azy mba hamongorantsika azy sy ny helony ho foana amin' ny tany, fandraog hanafotra antsika izy ary hamongotra antsika.

18a Môsià 27:8–10.

20a 2 Ne. 1:13;

Hel. 3:29–30.

21a TSM Olona araka
ny Nofo.

b 2 Tan. 2:9–16;

Jakôba 4:8.

22a Almà 36:4–5.

TSM Fibebahana.

b TSM Finoana.

d TSM Misterin'

Andriamanitra.

24a Môsià 10:11–17.

b Môsià 13:29.

26 Nefa indro ry rahalahiko malala, tonga tany an-tany foana isika tsy nomban' ny fikasana hamongotra ny rahalahintsika fa niaraka kosa tamin' ny fikasana fa angamba mba ho azon-tsika vonjena ny fanahy sasany aminy.

27 Ankehitriny, nony efa kivy ny fontsika ary efa saika hiverina ilalana isika, dia indro, "nampahery antsika ny Tompo ary nanao hoe: Mandehana any anivon' ny Lamanita rahalahinareo ary zakao 'amim-paharetana ny 'fahorianareo, ary Izaho no hanome fahombiazana anareo.

28 Ary ankehitriny, indro, efa tonga isika ary efa nandeha tany anivony; ary efa naharitra tamin' ny fijaliansika isika, sady efa niaritra ny fihafiana rehetra; eny, efa nitety ny isan-trano isika, niantehitra tamin' ny famindram-pon' izao tontolo izao—tsy tamin' ny famindram-pon' izao tontolo izao ihany, fa tamin' ny famindram-pon' Andriamanitra koa.

29 Ary efa niditra ny tranony isika sy nampianatra azy, ary efa nampianatra azy isika teny amin' ny lalany; eny, ary efa nampianatra azy isika teny amin' ny havoany; ary efa niditra ny tempoliny sy ny sinagogy koa isika ary nampianatra azy; ary efa noroahana hiala isika sy notevatevaina sy nororana ary notehafina teo amin' ny takolatsika; ary efa notorahambato isika ary nalaina sy nafa-

totra tamin' ny tady mafy ary natsipy tao am-ponja; ary tamin' ny alalan' ny hery sy ny fahendren' Andriamanitra no efa nanafahana antsika indray.

30 Ary efa niaritra ny karazampahoriana rehetra isika, ary iza ny rehetra izany dia angamba ny mba hahatonga antsika ho fitaovana hamonjena ny fanahy sasany; ary nihevitra isika fa ho feno ny "fifaliansika raha toa angamba isika ka mety ho fitaovana hamonjena ny sasany.

31 Ankehitriny, indro, afaka mijery isika ary mahita ny vokatry ny asantsika; ary moa va vitsy ireny? Lazaiko aminareo, Tsia, "maro ireny; eny, ary afaka mijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahatsoram-pony isika, noho ny fitiavany antsika ary ireo rahalahiny koa.

32 Fa indro, naleony nanao "sorona ny ainy toy izay handatsaka ny ain' ny fahavalony; ary efa 'naleviny tanaty tany lalina ny fitaovam-piadiany, noho ny fitiavany ireo rahalahiny.

33 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo, moa va efa nisy fitiavana lehibe toy izany teo amin' ny tany manontolo? Indro lazaiko aminareo, Tsia, tsy nisy, na dia teo amin' ny Nefita aza.

34 Fa indro, ho noraisiny ny fiadiana hanohitra ny rahalahiny; dia tsy ho navelany ny hamonoana ny tenany. Nefa indro, firifiry tamin' ireto no efa nahafoy ny ainy; ary fantatsika fa izy ireny dia efa lasana any

27a Almà 17:9–11.
b TSM Faharetana.
d Almà 20:29–30.

TSM Fahoriana.
30a F&F 18:15–16.
31a Almà 23:8–13.

32a Almà 24:20–24.
b Almà 24:15.

amin' Andriamaniny, noho ny fitiavany sy ny fankahalany ny fahotana.

35 Ankehitriny, moa tsy manana antony hifaliana va isika? Eny, lazaiko aminareo, tsy nisy na oviana na oviana olona izay nanana antony lehibe loatra hiravoravoana toa antsika, hatry ny niandohan' izao ton-tolo izao; eny, ary entanim-pifaliana aho ka mampirehareha ahy amin' Andriamanitra; fa ananany ny "hery rehetra, ny fahendrena rehetra ary ny fahazavan-tsaina rehetra; ^bazony ny zava-drehetra, ary Izy no Ilay "feno famindram-po ho famonjena ireo izay te hibe-ba-ka sy hino ny anarany.

36 Ankehitriny, raha izany no fireharehana, dia hirehareha toa izany aho; fa izany no fiainako sy fahazavako, fifaliako sy famonjena ahy ary fanavotana ahy amin' ny loza maharitra mandrakizay. Eny, hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra izay efa nahatsiaro ny olony izay "sampan' ny hazon' i Isiraely, izay efa very niala tamin' ny fotony tany an-tany hafa; eny, hoy aho, hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra izay efa nahatsiaro antsika ^bmpirenireny an-tany hafa.

37 Ankehitriny ry rahalahiko, dia hitantsika fa Andriamanitra dia mahatsiaro ny "vahoaka tsirairay, na aiza na aiza tany mety misy azy; eny, manisa

ny vahoakany Izy, ary ny kibon' ny famindram-pony dia manerana ny tany manontolo. Ankehitriny, izany no fifaliana ko sy fanati-tsaotrafo lehibe; eny, hanati-tsaotra ho an' Andriamanitra mandrakizay aho. Amena.

TOKO 27

Nandidy an' i Amôna ny Tompo hitarika ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia hankamin' ny toerana azo antoka—Nandany ny herin' i Amôna ny hafaliany tamin' ny fihaonany tamin' i Almà—Nomen' ny Nefita ny Antia-Nefia-Lehia ny tanin' i Jersôna—Nantsoina hoe ny vahoakan' i Amôna izy. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, nony efa nahita ny Lamanita izay efa nandeha niady tamin' ny Nefita, taorian' ny adiny maro mba hamongotra azy, fa zava-poana ny mikatsaka ny famongorana azy, dia niverina indray tany an-tanin' i Nefia izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa ny Amalekita noho ny fahavoazany. Ary nony hitany fa tsy afaka namaly faty tamin' ny Nefita izy, dia nanomboka namoky ny olona izy ho tezitra, hanohitra ny vahoaka "Antia-Nefia-Lehia ^brahalahiny; noho izany dia rafitra indray izy namongotra azy.

3 Ankehitriny izany vahoaka

35a TSM Hery.

b F&F 88:41.

d TSM Famindram-po.

36a Gen. 49:22–26;

Jakôba 2:25; 5:25.

b Jakôba 7:26.

37a Asa 10:34–35;

2 Ne. 26:33.

27 2a Almà 25:1.

TSM Antia-Nefia-Lehia.

b Almà 43:11.

izany dia nandà “indray ny handray ny fiadiany sy namela ny tenany hovanoina araka ny fanirian’ ny fahavalony.

4 Ankehitriny, i Amôna sy ny rahalahiny, rehefa nahita ity asa fandranganana ity teo anivon’ ireo izay tiany sy nankamamiany tokoa sy teo anivon’ ireo izay efa nitia sy nankamamy azy ireo tokoa — satria izy ireo dia noraisina miova tsy ny anjely nirahin’ Andriamanitra hamonjy azy amin’ ny faharavana maharitra mandrakizay — noho izany, rehefa nahita ity asa famongorana lehibe ity i Amôna sy ny rahalahiny, dia nentanin’ ny fangorahana izy ireo, ary “hoy ireo tamin’ ny mpanjaka:

5 Aoka isika hanangona ity vahoakan’ ny Tompo ity, ary aoka isika handeha hidina any antanin’ i Zarahemlà, any amin’ ny Nefita rahalahintsika, ary handositra hiala ny tanaan’ ny fahavalontsika, mba tsy hahafongotra antsika.

6 Nefa, hoy ny mpanjaka taminy: Indro, hamongotra anay ny Nefita, noho ireo famonoana olona sy fahotana maro efa nataonay taminy.

7 Ary hoy i Amôna: Handeha aho ary hanadina ny Tompo, ary raha milaza amintsika Izy hoe, mandehana midina any amin’ ny rahalahinareo, moa handeha va ianareo?

8 Ary hoy ny mpanjaka taminy: Eny, raha lazain’ ny Tompo aminay hoe mandehana, dia handeha izahay hidina any

amin’ ny rahalahinay, ary ho andevony izahay mandrapanonitray aminy ny famonoana olona sy ny fahotana maro izay efa nataonay taminy.

9 Nefa hoy i Amôna taminy: Mifanohitra amin’ ny lalàn’ ny rahalahintsika, izay efa nataon’ ny raiko, ny mety hisian’ ny “andevo eo anivony; noho izany dia handeha isika hidina sy hitoky amin’ ny famindram-pon’ ny rahalahintsika.

10 Nefa hoy ny mpanjaka taminy: Adino ny Tompo, ary raha lazainy izahay hoe mandehana, dia handeha izahay; raha tsy izany dia ho faty eto amin’ ny tany izahay.

11 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Amôna ary nanadina ny Tompo, ary hoy ny Tompo taminy:

12 Ento ity vahoaka ity hiala ity tany ity mba tsy ho faty izy; fa i Satana dia efa nahazo vahana be tamin’ ny fon’ ny Amalekita izay mamoky ny Lamanita ho tezitra amin’ ny rahalahiny mba hamonoana azy; noho izany dia mandehana ianao miala ity tany ity; ary hotahiana ity vahoaka ity amin’ ity taranaka ity, fa hotsimbiniko izy.

13 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha i Amôna ary niteny tamin’ ny mpanjaka ny teny rehetra izay efa nola-zain’ ny Tompo taminy.

14 Ary novoriany miaraka ny vahoakany rehetra, eny, ny vahoakan’ ny Tompo rehetra, izay nanangona miaraka ny biby

fiompiny rehetra sy niainga niala ny tany ary tonga tany antany foana izay nanasaraka ny tanin' i Nefia tamin' ny tanin' i Zarahemlà, ary tonga tany akaikin' ny sisin-tany.

15 Ary ny zava-nitranga dia hoy i Amôna taminy: Indro, iza-ho sy ny rahalahiko dia handeha hankany an-tanin' i Zarahemlà, ary hitoetra eto ianareo mandrapiverinay; ary hozahanay ny fon' ny rahalahinay raha tiany ny hidiranareo ny taniny.

16 Ary ny zava-nitranga, raha nandeha niditra ny tany i Amôna, dia nihaona tamin' i Almà izy sy ny rahalahiny teo amin' ny "toerana izay efa voalaza; ary indro, izany dia fihaonana feno hafaliana.

17 Ankehitriny, ny "fifalian' i Amôna dia lehibe loatra ka henika izy; eny, voatelina tao amin' ny fifalian' Andriamani-tra izy, mandra^b pahalany ny heriny; ary niankarapoka tamin' ny tany "indray izy.

18 Ankehitriny, moa va izany tsy fifaliana tafahoatra? Indro, izany no hafaliana izay tsy misy mandray afa-tsy ny olona mibebaka marina tokoa sy ny mpikatsaka fiadanana miety tena.

19 Ankehitriny, ny hafalian' i Almà tamin' ny fihaonany tamin' ny rahalahiny dia lehibe tokoa, ary koa ny fifalian' i Aharôna, ny an' i Ômnera, ary ny an' i Himnia; kanefa, indro ny fifaliany dia tsy ilay mihoatra ny heriny.

20 Ary ankehitriny, ny zava-

nitranga dia notarihin' i Almà ny rahalahiny hiverina any an-tanin' i Zarahemlà, hankany an-tranony mihitsy. Ary nandeha izy ireo sy nitantara tamin' ny "lohan' ny mpitsara ny zava-tra rehetra izay efa nanjo azy ireo tany an-tanin' i Nefia, tany anivon' ny Lamanita rahalahiny.

21 Ary ny zava-nitranga dia nandefa filazana eran' ny tany manontolo ny lohan' ny mpitsara, naniry ny feon' ny vahoaka momba ny fampidirana ny rahalahiny, dia ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia.

22 Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon' ny vahoaka, nanao hoe: Indro, ho foinay ny tanin' i Jersôna, izay ao atsianana akaikin' ny ranomasina, izay mifandray amin' ny tanin' i Soafeno, izay ao atsimon' ny tanin' i Soafeno; ary io tanin' i Jersôna io no tany izay homenay ny rahalahinay ho lova.

23 Ary indro, hametraka ny miaramilanay eo anelanelan' ny tanin' i Jersôna sy ny tanin' i Nefia izahay mba hahazoanay miaro ny rahalahinay any an-tanin' i Jersôna; ary izany no ataonay ho an' ny rahalahinay dia noho ny fahatahorany handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny, fandrao hahavita fahotana izy; ary izany fahatahorany lehibe izany dia tonga noho ny fibebahany naharary izay nataony noho ny famonoany olona maro sy ny faharatsian' ny mahatsiravina.

24 Ary ankehitriny, indro izany

16a Almà 17:1–4.

17a TSM Fifaliana.

b 1 Ne. 1:7.

d Almà 19:14.

20a Almà 4:16–18.

no hataonay ho an' ny rahalahinay mba hahazoany mandova ny tanin' i Jersôna; ary hiambina azy amin' ny fahavalony miaraka amin' ny miaramilanay izahay raha tahiny ka homeny anay ny ampahany amin' ny fananany hanampiana anay mba hahazoanay mikarakara ny miaramilanay.

25 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre izany i Amôna, dia niverina tany amin' ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia izy, ary i Almà koa dia niaraka taminy, nankany an-tany foana izay efa nananganany ny lainy, ary nampahafantatra azy ireo zavatra rehetra ireo. Ary notantarain' i Almà taminy koa ny "fiovam-pony, niaraka tamin' i Amôna sy i Aharôna ary ireo rahalahiny.

26 Ary ny zava-nitranga dia niteraka fifaliana be izany teo anivony. Ary nandeha izy nidi-na nankany an-tanin' i Jersôna ary nandray ny fizakana ny tanin' i Jersôna; ary nantsoin' ny Nefita hoe ny vahoakan' i Amôna izy, noho izany izy dia navahana tamin' izany anarana izany hatramin' izay.

27 Ary teo anivon' ny vahoakan' i Nefia izy, ary noraisina koa ho isan' ny vahoaka izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra. Ary niavaka koa izy noho ny zotom-pony tamin' Andriamanitra ary koa tamin' ny olona; fa "mahitsy sy marin-toetra tanteraka tokoa izy tamin' ny zavadrehetra; ary ^bniorina tamin'

ny finoana an' i Kristy hatramin' ny farany izy.

28 Ary izy dia nihevitra ny fandatsahan-dra ny rahalahiny tamin' ny rikoriko indrindra; ary tsy azo noresen-dahatra na oviana na oviana izy mba handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; ary tsy nihevitra na oviana na oviana ny fahafatesana tamin' ny horohoro faran' izay kely indrindra izy, noho ny fanantenany sy ny fijeriny an' i Kristy sy ny fitsanganana amin' ny maty; noho izany, ho azy, ny fahafatesana dia efa voatelin' ny fandresen' i Kristy.

29 Koa naleony niaritra "fahafatesana tamin' ny fomba maharary sy mangirifiry indrindra, izay mety ho nampiharina ny rahalahiny, toy izay handray ny sabatra na ny simetera hamelezana azy.

30 Ary dia toy izany no nahavahoaka mazoto sy lalaina azy, dia vahoaka nankasitrahana ny Tompo fatratra tokoa.

TOKO 28

Ny nandresena ny Lamanita tamin' ny ady goaibe—An' alinalina no voavono—Ahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy farany ny olon-dratsy; ny fahatratraran' ny marina ny fiadanana tsy mifarana na oviana na oviana. Tokony ho 77–76 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, taorian' ny efa nampiorena-na teo amin' ny tanin' i "Jersôna

ny vahoakan' i Amôna sy efa niorenan' ny fiangonana iray koa teo amin' ny tanin' i Jersôna ary efa nitobian' ny miaramilan' ny Nefita manodidina ny tanin' i Jersôna, eny, tamin' ny sisintany rehetra nanodidina ny tanin' i Zarahemlà; dia indro efa nanaraka ny rahalahiny tany an-tany foana ny miaramilan' ny Lamanita.

2 Ary dia toy izany no nisian' ny ady goaibe; eny, na dia tsy mbola fahita na oviana na oviana aza ny toy izany teo anivon' ny mponina rehetra teo amin' ny tany, hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema; eny, ary an' alinalina ny Lamanita voavono sy naely patrana lavitra.

3 Eny, ary nisy koa fandripanahana goaibe teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; na dia teo aza izany dia "voatosika sy nihahaka ny Lamanita, ary niverina indray teo amin' ny taniny ny vahoakan' i Nefia.

4 Ary ankehitriny dia izany no fotoana izay nisian' ny fitomahiana sy fitolokoana lehibe re nanerana ny tany manontolo, teo anivon' ny vahoakan' i Nefia rehetra—

5 Eny, ny fidradradradran' ny mpitondratena mitomany ny vadiny, ary koa ny ray mitomany ny zanany sy ny zanakavavy mitomany ny anadahiny, eny, ny anadahy mitomany ny ray; ary dia toy izany no nandrene-sana ny fidradradradran' ny tomany teo anivon' izy rehetra,

mitomany ny havany izay efa voavono.

6 Ary ankehitriny, marina tokoa fa andro feno alahelo izany; eny, fotoan' ny fahamaotona, ary fotoan' ny "fifadian-kanina sy ny fivavahana fatratra.

7 Ary dia nifarana toy izany ny taona fahadimy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia;

8 Ary dia toy izany no fitantaran' i Amôna sy ny rahalahiny ny diany tany an-tanin' i Nefia, ny fijaliany teo amin' ny tany, ny alahelony sy ny fahoriany ary ny fifaliany "tsy takatry ny saina ary ny fandraisana sy ny fandriampahaleman' ny rahalahy tany an-tanin' i Jersôna. Ary ankehitriny, enga anie ny Tompo, Mpanavotra ny olona rehetra, ka hitahy ny fanahiny mandrakizay.

9 Ary izany no fitantarana ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny Nefita, ary koa ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita; ary nifarana ny taona fahadimy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

10 Ary hatramin' ny taona voalohany ka hatramin' ny taona fahadimy ambin' ny folo no efa nitranga ny fandripanahana aina an' arivony maro; eny, izany dia efa nampiseho ny toe-javatra mahatsiravin' ny fandatsahan-dra.

11 Ary nofo an' arivony maro no milevina ao anaty tany raha nofo an' arivony maro no "mihintsana, mivangongo eo ambonin' ny tany; eny, ary an'

arivony maro no ^bmitomany ny fahalasanan' ny havany, noho izy ireo manana antony atahorana, araka ny fampantanenan' ny Tompo, fa hahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy fiafarany izy ireo.

12 Raha an' arivony maro hafa no mitomany marina tokoa ny fahalasanan' ny havany, kanefa dia mifaly sy miravoravo ao amin' ny fanantenana izy ireo, ary fantany, araka ny "fampantanenan' ny Tompo, fa hatsangana izy ireo mba hitoetra eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra, ao amin' ny toetry ny fiadanana tsy mifarana na oviana na oviana.

13 Ary dia toy izany no ahitantsika ny mahalehibe ny "tsy fitovian' ny olona noho ny fahotana sy ny fandikan-dalàna, ary ny herin' ny devoly, izay tonga amin' ny alalan' ny ^btetika mametsifetsy izay efa nosaintsaininy hamandrihana ny fon' ny olona.

14 Ary dia toy izany no ahitantsika ny antso lehibe ho amin' ny fahazotoan' ny olona mba hiasa ao amin' ny "tanimoaloboky ny Tompo; ary dia toy izany no ahitantsika ny antony lehibe mampalahelo ary koa mampifaly —alahelo noho ny fahafatesana sy ny fandranganana teo anivon' ny olona, ary fifaliana noho ny ^bfahazavan' i Kristy ho fiainana.

TOKO 29

Naniry ny hiantsoantso fitebahana araka ny fahazotoan' ny anjely i Almà—Nomen' ny Tompo mpampianatra ny firenena rehetra—Nirehareha ny amin' ny asan' ny Tompo sy ny amin' ny fahombiazan' i Amôna sy ny rahalahiny i Almà. Tokony ho 76 talohan' i J.K.

Ô, INAY anie aho anjely, ary nety nanana ny fanirian' ny foko mba hahazoako mandeha sy miteny miaraka amin' ny trompetran' Andriamanitra, amin' ny feo mampihorohoro ny tany sy miantsoantso fitebahana amin' ny vahoaka tsirairay!

2 Eny, holazaiko ny fanahy tsirairay, miova tsy ny feon' ny kotro-baratra, ny fitebahana sy ny drafitry ny fanavotana mba hitebahany sy "hanatonany an' Andriamanitsika, mba tsy hisy alahelo intsony eo amin' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

3 Nefa indro, izaho dia olona, ary manota aho amin' ny fani-riako; satria tokony ho faly aho amin' ny zavatra izay efa nozarain' ny Tompo ho ahy.

4 Tsy tokony hokorontaniko noho ny faniriako ny didy hentitra an' Ilay Andriamanitra marina, satria fantatro fa tovin' amin' ny olona araka ny "fanirian' izy ireo, na izany ho fahafatesana, na ho fiainana; eny, fantratro fa zarainy amin' ny

11b Almà 48:23;
F&F 42:45–46.

12a Almà 11:41.

13a 1 Ne. 17:35.

b 2 Ne. 9:28.

14a TSM Tanimbolin' ny
Tomo.

b TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

29 2a Ômnia 1:26;

3 Ne. 21:20.

4a Sal. 37:4.

olona, eny, didiany ho azy ireo ny didy izay tsy azo ovana araka ny ^bsitrapon' izy ireo, na izany ho famonjena, na ho fandravana.

5 Eny, ary fantatro fa ny tsara sy ny ratsy dia efa tonga teo anoloan' ny olon-drehetra; izay tsy mahalala ny tsara sy ny ratsy dia tsisy tsiny; fa izay ^a“mahalala ny tsara sy ny ratsy kosa dia izy no omena araka ny faniriany, na izy maniry ny tsara na ny ratsy, na ny fiainana na ny fahafatesana, na ny fifaliana na ny fanenenan' ny ^bfieritreretana.

6 Ankehitriny, satria fantatro ireo zavatra ireo, nahoana aho no haniry mihoatra noho ny fanatontosana ny asa izay efa niantsoana ahy?

7 Nahoana aho no haniry ny ho tonga anjely mba hahazoako miteny amin' ny faran' ny tany rehetra?

8 Fa indro, ny Tompo dia manome ny ^a“firenena rehetra olona avy amin' ny firenena sy ny ^bfiteniny avy ihany mba hampianatra ny teniny, eny, amimpahendrena, dia izay rehetra ^ahitany fa rariny ny tokony hanaan' izy ireo izany; noho izany dia hitantsika fa ny Tompo dia mananatra amimpahendrena araka izay mahitsy sy marina.

9 Fantatro izay efa andidian' ny Tompo ahy, ary mirehareha amin' izany aho. Izaho tsy ^a“mirehareha ny amin' ny tenako, fa

mirehareha kosa ny amin' izay efa andidian' ny Tompo ahy; eny, ary izao no reharethako dia ny hahatonga ahy angamba ho fitaovana eo an-tanan' Andriamanitra ka hitondra ny fanahy sasany hankamin' ny fibebahana; ary dia izany no fifaliako.

10 Ary indro, rehefa mahita ny maro amin' ny rahalahiko mivalo marina tokoa aho sy manatona ny Tompo Andriamaniny, amin' izany ny fanahiko dia heniky ny fifaliana; amin' izany dia tsaroako ^a“izay efa nataon' ny Tompo tamiko, eny, fa efa nohenoiny ny fivavako; eny, amin' izany dia tsaroako ny sandriny feno famindram-po, izay efa natsotrany tany amiko.

11 Eny, ary tsaroako koa ny fahababoan' ny razako; satria fantatro marina tokoa fa ny ^a“Tampo no nanafaka azy tamin' ny famatorana, ary tamin' izany no nanorenany ny fiangonany; eny, ny Tompo Andriamanitra, ny Andriamanitr' i Abrahama, ny Andriamanitr' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba no nanafaka azy tamin' ny famatorana.

12 Eny, efa nahatsiaro mandrakariva ny fahababoan' ny razako aho; ary io Andriamanitra io ihany izay ^a“nanafaka azy tamin' ny tanaan' ny Egyptiana no nanafaka azy tamin' ny famatorana.

13 Eny, ary io Andriamanitra io ihany no nanorina ny fiango-

4b TSM Safidy.

5a 2 Ne. 2:18, 26;

Môrô. 7:15–19.

TSM Mamantatra,

Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-

b TSM Fieritreretana.

8a 2 Ne. 29:12.

b F&F 90:11.

d Almà 12:9–11.

9a Almà 26:12.

10a Môsià 27:11–31.

11a Môsià 24:16–21;

Almà 5:3–5.

12a Eks. 14:30–31.

nany teo anivony; eny, ary io Andriamanitra io ihany no efa niantso ahy tamin' ny antso masina mba hitory ny teny amin' ity vahoaka ity sy efa n-anome ahy fahombiazana be, hany ka feno ny "fifaliako.

14 Nefa tsy mifaly amin' ny fahombiazako irery aho, fa ny fifaliako kosa dia feno kokoa noho ny "fahombiazan' ny rahalahiko izay efa niakatra tany an-tanin' i Nefia.

15 Indro, efa nilofo fatratra tokoa izy ireo ary efa namoa voa betsaka; ka endrey ny halehiben' ny valisoany!

16 Ankehitriny, rehefa mieritreritra ny fahombiazan' ireto rahalahiko ireto aho, dia lasalasa ny fanahiko, toy ny misaraka amin' ny vatana mihitsy, fa lehibe loatra ny fifaliako.

17 Ary ankehitriny, hotovin' Andriamanitra amin' ireto rahalahiko ireto anie ny hahazoany mipetraka ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; eny, ary koa ireo rehetra izay vokatra ny asany mba tsy hivoahany intsony, fa mba hahazoan' ireo kosa mankalaza Azy mandrakizay. Ary hotovin' Andriamanitra anie ny hahazoana manao izany, araka ny teniko dia toy izay efa nola-zaiko. Amena.

TOKO 30

I Kôrihôra ilay antikristy dia namingavinga an' i Kristy, ny Sorompanavotana, ary ny fanahin'

ny faminaniana—Nampianariny fa tsy misy Andriamanitra, tsy misy ny fahalavaon' ny olona, tsy misy ny famaizana noho ny ota, ary tsy misy i Kristy—Nambaran' i Almà fa ho avy i Kristy, ary ny zavatra rehetra dia maneho fa misy Andriamanitra—Nangataka famantarana i Kôrihôra, ary nozo-in' ny hamoanana izy—Efa niseho tamin' i Kôrihôra toy ny anjely ny devoly sy nampianatra azy izay holazainy—Voahosihosy i Kôrihôra ary maty. Tokony ho 76–74 talohan' i J.K.

INDRO, ankehitriny, ny zavainitranga taorian' ny nampiore-nana ny "vahoakan' i Amôna teo amin' ny tanin' i Jersôna, eny, ary koa taorian' ny ^bnanosehana ny Lamanita hiala ny tany sy ny nandevenan' ny mponin' ny tanàna ny maty taminy—

2 Ankehitriny ny maty taminy dia tsy nisaina noho ny halehiben' ny isany; tsy nisaina koa ny maty tamin' ny Nefita—fa ny zava-nitranga kosa taorian' ny efa nandevenana ny maty taminy, ary koa taorian' ny andro fifadian-kanina sy fitomaniana ary fivavahana (ary izany dia tamin' ny taona fahe-nina ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia), dia nanomboka nisy fandriampahalemana lalandava eran' ny tany manontolo.

3 Eny, ary noezahan' ny vahoaka ny hitandrina ny didin' ny Tompo; ary nahasarotiny azy

ny fanarahana ny “ôrdônansin’ Andriamanitra, araka ny lalàn’ i Mosesy; satria nampianarina azy ny ^bhitandrina ny lalàn’ i Mosesy mandra-pahatanterak’ izany.

4 Ary dia toy izany no tsy nisian’ ny fanelingelenana ny vahoaka tamin’ ny taona fahe-nina ambin’ ny folo manontolo nitondran’ ny mpitsara teo amin’ ny vahoakan’ i Nefia.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny fiandohan’ ny taona fahafito ambin’ ny folon’ ny fitondran’ ny mpitsara dia nisy fandriam-pahalemana tsy tapaka.

6 Saingy ny zava-nitranga tamin’ ny faramparan’ ny taona fahafito ambin’ ny folo, dia nisy olona iray tonga teo amin’ ny tanin’ i Zarahemlà, ary izy dia “Antikristy fa nanomboka nitory tamin’ ny vahoaka izy, nanohitra ny faminaniana izay efa nolazain’ ny mpaminany momba ny fiavian’ i Kristy.

7 Ankehitriny dia tsy nisy lalàna nanohitra ny “finoan’ ny olona iray; satria mifanohitra indrindra amin’ ny didin’ Andriamanitra ny hisian’ ny lalàna izay hametraka ny olona amin’ ny toerana tsy mitovy.

8 Fa izao no lazain’ ny soratra masina: “Fidionareo anio izay hotompoinareo.

9 Ankehitriny raha naniry ny hanompo an’ Andriamanitra ny olona iray, dia zony izany; na ny marimarina kokoa, raha nino

an’ Andriamanitra izy dia zony ny hanompo Azy; fa raha tsy nino Azy izy dia tsy nisy lalàna mba hanafay azy.

10 Fa raha namono olona izy dia nafaizina ho “faty; ary raha nandroba izy, dia nafaizina iha-ny koa; ary raha nangalatra izy, dia nafaizina ihany koa; ary raha nahavita fijangajangana izy, dia nafaizina ihany koa; eny, ny amin’ ireo faharatsiana rehetra ireo, dia nafaizina izy.

11 Satria nisy ny lalàna izay tokony hitsarana ny olona araka ny helony. Kanefa dia tsy nisy lalàna nanohitra ny finoan’ ny olona iray; noho izany, ny olona iray dia nafaizina noho ny heloka izay efa vitany ihany; noho izany ny olona rehetra dia “nitovy zo.

12 Ary ity Antikristy ity, izay i Kôrihôra no anarany, (ary ny lalàna dia tsy nety nanankery taminy), dia rafitra nitory tamin’ ny vahoaka fa tsy tokony hisy i Kristy. Ary toy izao no fomba nitoriany, nanao hoe:

13 He, ianareo izay voafatotry ny fanantenana adaladala sy poak’ aty, nahoana ianareo no manazioga ny tenanareo amin’ ny zavatra adaladala toy izany? Nahoana ianareo no miandrandra an’ i Kristy? Fa tsy misy olona mety hahalala ny amin’ ny zavatra izay ho avy.

14 Indro, ireo zavatra izay antsoinareo hoe faminaniana izay lazainareo fa natolotry ny mpa-

3a TSM Lalàn’ i Mosesy.
b 2 Ne. 25:24-27;
Almà 25:15.
6a TSM Antikristy.

7a Almà 1:17.
8a Jos. 24:15.
TSM Safidy.
10a TSM Famaizana ho

Faty.
11a Môsià 29:32.

minany masina, indro ireo dia fomba adaladalan' ny razanareo.

15 Ahoana no ahafantaranareo ny maha azo antoka azy ireny? Indro, tsy azonareo fantarina ny amin' ny zavatra izay tsy "hitanareo; noho izany dia tsy azonareo fantarina fa hisy i Kristy.

16 Banjininareo ny ho avy sy lazainareo fa hitanareo ny fanesorana ny fahotanareo. Nefa indro izany dia vokatry ny saina mirediredy; ary izany fahavoazan' ny sainareo izany dia avy amin' ny fomban' ny razanareo, izay mitarika anareo hankamin' ny finoana ny zavatra izay tsy izy.

17 Ary zavatra maro toy izany no nolazainy azy, nitenenany taminy fa tsy mety hisy ny sorompanavotana natao ho an' ny fahotan' ny olona, fa ny olona tsirairay kosa dia nandia izao fiainana izao arakaraka ny nitondrany ny tenany; noho izany ny olona tsirairay dia niroborobo araka ny halalanan-tsainy, ary ny olona tsirairay dia nandresy araka ny heriny; ary na inona na inona nataon' ny olona iray dia tsy heloka.

18 Ary dia toy izany no notoriany taminy, nampaniasia ny fon' ny maro, nanao izay hanatrakany ny lohany tao amin' ny faharatsiany, eny, nitarika vehivavy maro ary koa lehilahy hanao fijangajangana — nitenenany taminy fa rehefa maty ny olona iray, dia izay no vita ny aminy.

19 Ankehitriny izany lehilahy

izany dia nandeha nankany antanin' i Jersôna koa mba hitory ireo zavatra ireo amin' ny vahoakan' i Amôna, izay vahoaka Lamanita fahiny.

20 Nefa indro, hendry kokoa izy noho ny maro tamin' ny Nefita; fa nalainy izy ary nafatony sy nentiny teo anoloan' i Amôna izay mpisorona avo teo amin' ity vahoaka ity.

21 Ary ny zava-nitranga dia nataony izay hitondrana azy hivoaka ny tany. Ary nandeha nankany antanin' i Gideôna izy ary rafitra nitory taminy koa; ary tao dia tsy nahazo fahombiazana firy izy, satria nalaina izy ary nafatotra sy nentina teo anatrehan' ny mpisorona avo ary koa ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

22 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny mpisorona avo taminy: Nahoana ianao no mandeha mamilivily ny lalan' ny Tompo? Nahoana ianao no mampianatra ity vahoaka ity fa tsy hisy i Kristy mba hampitsahatra ny firavoravoany? Nahoana ianao no miteny manohitra ny faminiana rehetra an' ny mpaminany masina?

23 Ankehitriny ny anaran' ny mpisorona avo dia Gidônà. Ary hoy i Kôrihôra taminy: Satria tsy ampianariko ny fomba adaladalan' ny razanareo, ary satria tsy ampianariko ity vahoaka ity ny hamatotra ny tenany amina ôrdônansy sy fombafomba adaladala izay efa napetraky ny mpisorona fahiny mba hisando-

hana hery sy fahefana aminy, mba hihazona azy ao amin' ny tsy fahalalana ka tsy hahazoany manatraka ny lohany, fa mba hampietrena azy kosa araka ny teninao.

24 Lazainareo fa ity vahoaka ity dia vahoaka afaka. Indro, lazaiko fa ao amin' ny famatorana izy. Lazainareo fa marina ireo faminaniana fahiny ireo. Indro, lazaiko fa tsy fantatrareo fa marina ireo.

25 Lazainareo fa ity vahoaka ity dia vahoaka meloka sy lavo noho ny fandikan-dalàn' ny ray aman-dreny anankiray. Indro, lazaiko fa tsy meloka ny zaza iray noho ny ray aman-dreniny.

26 Ary lazainareo koa fa ho avy i Kristy. Nefa indro lazaiko fa tsy fantatrareo fa hisy i Kristy. Ary lazainareo koa fa hovoioina Izy noho ny "fahotan' izao tontolo izao—

27 Ary dia toy izany no hitarihanareo ity vahoaka ity hanaraka ny fomba adaladalan' ny razanareo sy araka ny faniriana-reo ihany; ary hazoninareo izy hitotongana, toy ireny amin' ny famatorana ireny mba hahazoan' ny tenanareo mibosibosika ny asan' ny tànany, ka tsy hasahiany mitraka amimpahasahiana sy tsy hasahiany mifaly amin' ny zony sy ny tombontsoany.

28 Eny, tsy sahiny ny mampiasa izay azy fandrao izy hanafintohina ny mpisorony izay manazioga azy araka ny fani-

riany ary efa nitarika azy hino tamin' ny alalan' ny fombany sy ny nofiny, ary ny haitraitrany sy ny fahitany ary izay ihamboany ho misteriny, fa raha tsy manao araka ny teniny izy, dia hanafintohina mananaina iray tsy fantatra, izay lazainy ho Andriamanitra—dia mananaina iray izay tsy mbola hita na fantatra na oviana na oviana, izay tsy nisy na oviana na oviana ary tsy hisy na oviana na oviana.

29 Ankehitriny, rehefa hitan' ny mpisorona avo sy ny lohan' ny mpitsara ny hamafin' ny fony, eny, rehefa hitany fa izy dia hanaratsy na dia an' Andriamanitra aza, dia tsy novaliany ny teniny; fa nataony kosa izay hamatorana azy; dia natolony ho eo an-tanan' ny sakaizambohitra izy ary nalefany hankany an-tanin' i Zarahemlà, mba hahazoana mitondra azy eo anoloan' i Almà sy ny lohan' ny mpitsara izay governora nanerana ny tany manontolo.

30 Ary ny zava-nitranga rehefa nentina teo anoloan' i Almà sy ny lohan' ny mpitsara izy, dia notohizany ihany ny fombany, toy ny nataony tany an-tanin' i Gideôna; eny, notohizany ny "fanevatevana.

31 Ary nanandra-peo teo anoloan' i Almà izy tamin' ny teny "manodoka be ary nanaratsy ny mpisorona sy ny mpampianatra, niampanga azy ireo ho mitarika ny olona hanaraka ny fomba adaladalan' ireo razany,

noho ny famosibosehana ny asan' ny vahoaka.

32 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Fantatrao fa tsy mampibosibosika ny tenanay amin' ny asan' ity vahoaka ity izahay; satria indro efa nampiasa ny tanako aho na dia hatramin' ny fiandohan' ny fitondran' ny mpitsara aza ka mandraka androany mba hamelomako ny tenako, na dia teo aza ny diako maro nanerana ny tany mba hilaza ny tenin' Andriamanitra amin' ny vahoakako.

33 Ary na dia teo aza ny asa maro izay efa notontosaiko tao amin' ny fiangonana, dia tsy nandray na oviana na oviana na dia ny "senina iray aza aho tamin' ny asako; tsy misy koa na dia iray aza tamin' ny rahalahiko nanao izany, afa-tsy tao amin' ny toeram-pitsarana; ary tamin' izany izahay dia tsy nandray araka ny lalàna afa-tsy ny fotoanay.

34 Ary ankehitriny, raha tsy mandray na inona na inona izahay amin' ny asanay ao amin' ny fiangonana, inona no tombontsoanay miasa ao amin' ny fiangonana, raha tsy ny milaza ny marina mba hahazoanay manam-pifaliana ao amin' ny "fifalian' ny rahalahinay?

35 Koa nahoana no lazainao fa izahay dia mitory amin' ity vahoaka ity mba hahazoana harena, raha ianao, ny tenanao ihany, dia mahafantatra fa tsy mandray harena izahay? Ary ankehitriny, mino va ianao fa

mamitaka ity vahoaka ity izahay, ka mahatonga fifaliana ao am-pony izany?

36 Ary Kôrihôra namaly azy hoe, Eny.

37 Ary tamin' izay dia hoy i Almà taminy: Mino va ianao fa misy Andriamanitra?

38 Ary namaly izy hoe, Tsia.

39 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Holavinao indray ve fa misy Andriamanitra, ary holavinao koa va i Kristy? Satria indro, lazaiko aminao, fantatro fa misy Andriamanitra ary ho avy koa i Kristy.

40 Ary ankehitriny, inona no porofo anananao fa tsy misy "Andriamanitra na tsy ho avy i Kristy? Lazaiko aminao fa tsy manana na inona na inona ianao afa-tsy ny teninao ihany.

41 Nefa indro, izaho manana ny zava-drehetra ho toy ny "fanambarana fa ireo zavatra ireo dia marina; ary manana ny zava-drehetra koa ianao ho toy ny fanambarana aminao fa marina ireo; ary holavinao ve ireo? Mino va ianao fa marina ireo zavatra ireo?

42 Indro, fantatro satria mino ianao, saingy efa azon' ny fanahy mandainga ianao, ary efa nandà ny fanahin' Andriamanitra ianao mba tsy hahazoany manana toerana ao aminao; fa ny devoly kosa no manana fahefana aminao ary entiny hatraiza hatraiza ianao, hampiasa hafetsena mba hahazoany mandrava ny zanak' Andriamanitra.

43 Ary ankehitriny dia hoy i

Kôrihôra tamin' i Almà: Raha maneho "famantarana iray amiko ianao mba hahatonga ahy ho resy lahatra fa misy Andriamanitra, eny, manehoa amiko fa manana fahefana Izy, amin' izay aho dia ho resy lahatra ny amin' ny fahamarinan' ny teninao.

44 Nefa hoy i Almà taminy: Efa manana famantarana ampy ianao; moa haka fanahy an' Andriamanitrao va ianao? Moa hilaza va ianao hoe, anehoy famantarana iray aho, kanefa anananao ny fanambaran' ireo rahalahinao "rehetra ireo ary koa ny an' ny mpaminany masina rehetra? Apetraka eo anoloanao ny soratra masina, eny, ary ny ^bzava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra; eny, na dia ny ^dtany aza sy ny zavatra rehetra izay eo amboniny, eny, ary ny ^ffihodiny, eny, ary ny ^fplaneta rehetra koa izay mihodina araka ny laminy ara-dalàna dia vavolombelona fa misy ny Mpahary Faratampony.

45 Kanefa toa mandeha hatraiza hatraiza ianao, mampianasia ny fon' ity vahoaka ity, manambara aminy fa tsy misy Andriamanitra? Kanefa handà va ianao sy hanohitra ireo vavolombelona rehetra ireo? Ary hoy izy: Eny, handà aho, raha tsy maneho famantarana iray amiko ianao.

46 Ary ankehitriny, ny zavatranga, dia hoy i Almà taminy: Indro, malahelo aho noho ny

hamafin' ny fonao, eny, ny mbo-la hanoheranao ny fanahin' ny fahamarinana, ka mety haharava ny fanahinao.

47 Nefa indro, "tsara kokoa ny hahavery ny fanahinao toy izay ianao no hanjary fitaovana hitondra fanahy maro hankamin' ny faharavana, amin' ny fandainganao sy amin' ny teninao manasohaso; koa raha mbola mandà ianao, indro hamely anao Andriamanitra, ka hanjary moana ianao, ka tsy hosokafanao na oviana na oviana intsony ny vavanao mba tsy hamitahanao ity vahoaka ity intsony.

48 Ankehitriny dia hoy i Kôrihôra taminy: Izaho tsy mandà ny fisian' Andriamanitra, saingy tsy mino aho fa misy Andriamanitra; ary lazaiko koa fa tsy fantatrao fa misy Andriamanitra; ary raha tsy maneho famantarana iray amiko ianao dia tsy hino aho.

49 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Izao no homeko anao ho famantarana, fa "hozoin' ny hamoanana ianao, araka ny teniko; ary lazaiko amin' ny anaran' Andriamanitra, hozoin' ny hamoanana ianao, ka tsy afaka hiteny intsony.

50 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nozoin' ny hamoanana i Kôrihôra, ka tsy afaka niteny izy, araka ny tenin' i Almà.

51 Ary ankehitriny, rehefa nahita izany ny lohan' ny mpitsa-

43a Jakôba 7:13–21;

F&F 46:8–9.

TSM Famantarana.

44a Môsià 13:33–34.

b Sal. 19:1;

F&F 88:47.

d Joba 12:7–10.

e Hel. 12:11–15.

f Mos. 6:63.

47a 1 Ne. 4:13.

49a 2 Tan. 13:20.

ra, dia narosony ny tanany ary nanoratra tamin' i Kôrihôra izy, nanao hoe: Moa resy lahatra va ianao ny amin' ny fahefan' Andriamanitra? Tamin' iza no nanirianao fa tokony hanehoan' i Almà ny famantarany? Irianao va ny hampahoriany ny hafa, mba hanehoana famantarana iray aminao? Indro, efa nanehoany famantarana iray ianao; ary ankehitriny hiady hevitra misimisy kokoa va ianao?

52 Ary nandroso ny tany i Kôrihôra sy nanoratra, nanao hoe: Fantatro fa moana aho, satria tsy afaka miteny; ary fantatro fa tsy misy na inona na inona afaka mampitondra izao ahy afa-tsy ny fahefan' Andriamanitra; eny, "nahafantatra mandrakariva aho fa nisy Andriamanitra.

53 Nefa indro, efa "namitaka ahy ny devoly; satria ^bniseho tamiko tamin' ny endriky ny anjely iray izy, sy nanao tamiko hoe: Mandehana ary avereno ity vahoaka ity, fa efa nandeha nianasia nanaraka Andriamanitsy fantatra izy rehetra. Ary hoy izy tamiko: "Tsy misy Andriamanitra; eny, ary nampianariny ahy izay tokony holazaiko. Ary efa nampianariko ny teniny; ary nampianariko izany satria izany dia nahafinaritra ny "sain' ny nofo; ary nampianariko izany mandra-pahazoako fahombiazana be, ka nino marina tokoa aho fa marina izany; ary noho izany antony izany dia notoheriko ny fahamarinana,

mandra-pitondrako ity ozona lehibe ity amiko.

54 Ankehitriny, nony efa nilaza izany izy, dia niangaviany ny hivavahan' i Almà amin' Andriamanitra mba hahazoana manaisotra ny ozona hiala aminy.

55 Nefa hoy i Almà taminy: Raha esorina hiala aminao ity ozona ity dia hitarika indray ny fon' ity vahoaka ity haniaasia ianao; noho izany, dia aoka ho tanteraka aminao araka ny sitrapon' ny Tompo.

56 Ary ny zava-nitranga dia tsy nesorina hiala tamin' i Kôrihôra ny ozona; fa noroahina izy hiala, ary nandeha nitety trano izy nangataka ny haniny.

57 Ankehitriny ny fahalalana izay efa nanjo an' i Kôrihôra dia navoaka hiely eran' ny tany manontolo; eny, nalefan' ny lohan' ny mpitsara ny filazana nankany amin' ny vahoaka rehetra teo amin' ny tany, nilaza tamin' ireo izay efa nino ny tenin' i Kôrihôra fa tsy maintsy mibebaka fain-gana tokoa izy, fandrao ho tonga aminy ny famaliana toy izany.

58 Ary ny zava-nitranga dia resy lahatra ny amin' ny faharatsian' i Kôrihôra izy rehetra, noho izany dia niova fo ho an' ny Tompo indray izy rehetra; ary izany no nampisy farany ny heloka araka ny fomban' i Kôrihôra. Ary i Kôrihôra dia nandeha nitety trano, nangataka ny haniny hivelomany.

59 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, eny, tany anivon' ny

vahoaka iray izay efa nampihataka ny tenany tamin' ny Nefita sy niantso ny tenany hoe Zôramita, rehefa notarihin' ny lehilahy iray izay i Zôrama no anarany—ary raha nandeha tany anivony izy, dia indro, voazera izy sy voahosihosy, ambara-pahafatiny mihitsy.

60 Ary dia toy izany no ahitantsika ny fiakaran' izay mamilivily ny lalan' ny Tompo; ary dia toy izany no ahitantsika fa tsy "hanohana ny zanany ny ^bdevoly amin' ny andro farany, fa misarika azy faingana tokoa hidina any amin' ny "helo.

TOKO 31

Nitarika iraka hamerina ny Zôramita nihemotra i Almà—Ny Zôramita dia nandà an' i Kristy, nino ny fiheverana diso momba ny fifidianana ary nidera tamin' ny fiavavahana piliavava—Heniky ny Fanahy Masina ireo misiônera—Voatelin' ny hafaliana ao amin' i Kristy ny fahoriany. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, taorian' ny fiakaran' i Kôrihôra, rehefa nandray vaovao i Almà fa namilivily ny lalan' ny Tompo ny Zôramita, ary i Zôrama izay mpitondra azy dia nitarika ny fon' ny olona "hiankohoka eo anoloan' ny ^bsampy moana, dia nanomboka ^dnarary indray

ny fony noho ny heloky ny vahoaka.

2 Satria fototry ny "alahelo lehibe tamin' i Almà, ny fahalalana ny heloka teo anivon' ny vahoakany; koa feno alahelo izaitsizy tokoa ny fony noho ny fisarahan' ny Zôramita tamin' ny Nefita.

3 Ankehitriny ny Zôramita dia efa niara-nifamory teo amin' ny tany iray izay nantsoiny hoe Antiônôma, izay tao atsinanan' ny tanin' i Zarahemlà, izay nitomandavana saiky nanemitra ny moron-dranomasina izay tao atsimon' ny tanin' i Jersôna, izay nanemitra koa ny tany foana atsimo izay tany foana feno Lamanita.

4 Ankehitriny ny Nefita dia natahotra fatratra tokoa fandrao hiditra amin' ny fifaneraserana amin' ny Lamanita ny Zôramita, ary izany dia hanjary ho anton' ny fahavoazana lehibe ho an' ny Nefita.

5 Ary ankehitriny, satria nana-na fironana lehibe "hitarika ny olona hanao izay marina ny ^bfitorian-^dteny—eny, izany dia efa nanana fiantraikany mahery kokoa tamin' ny sain' ny olona noho ny sabatra, na ny zavatra hafa, izay efa nihatra taminy—noho izany dia noheverin' i Almà fa tsara ny hanandraman' izy ireo ny herin' ny tenin' Andriamanitra.

6 Koa nalainy i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnera; ary i

60a Almà 3:26–27; 5:41–42;

F&F 29:45.

b TSM Devoly.

d TSM Helo.

31 1a Eks. 20:5;

Môsîà 13:13.

b 2 Ne. 9:37.

TSM Fanompoan-tsampy.

d Almà 35:15.

2a Môsîà 28:3;

3 Ne. 17:14; Mos. 7:41.

5a Jarôma 1:11–12;

F&F 11:2.

b Enôsa 1:23; Almà 4:19.

TSM Mitory.

d Heb. 4:12; Jakôba 2:8;

Almà 36:26.

Himnia no navelany tao amin' ny fiangonana tao Zarahemlà; fa ireo telo voalohany kosa no nalainy hiaraka taminy ary i Amioleka sy i Zezrôma koa, izay tao Meleka; ary nalainy koa ny anankiroa tamin' ny zanany lahy.

7 Ankehitriny ny zokiny indrindra tamin' ny zanany lahy dia tsy nalainy hiaraka taminy, ary ny anarany dia i "Helamàna; fa ny anaran' ireo izay nalainy hiaraka taminy kosa dia i Siblôna sy i Kôriantôna; ary ireo no anaran' ireo izay nandeha niaraka taminy tany anivon' ny ^bZôramita mba hitory ny teny aminy.

8 Ankehitriny ny Zôramita dia "mpiendaka tamin' ny Nefita; noho izany dia efa notoriana taminy ny tenin' Andriamanitra.

9 Saingy efa "lavo tao amin' ny fahadisaoana lehibe izy, satria tsy noezahiny ny hitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny fitsipiny, araka ny lalàn' i Mosesy.

10 Sady tsy tiany koa ny nana-raka ny fombafomban' ny fiangonana, dia ny fitozoana tamin' ny fivavahana sy ny fitalahoana tamin' Andriamanitra isan' andro, mba tsy hahazoany miditra amin' ny fakampanahy.

11 Eny, raha fintinina, dia naviliviliny ny lalan' ny Tompo tamin' ny toe-javatra maro; koa, noho izany antony izany dia nandeha i Almà sy ny rahalahiny nankany amin' ny tany mba hitory teny aminy.

12 Ankehitriny, nony efa tonga

tao amin' ny tany izy ireo, dia indro, akory ny hagagany nahita fa efa nanorina sinagoga ny Zôramita, ary izy dia niaranivory tamin' ny andro iray tao anatin' ny herinandro, izay nantsoiny hoe ny andron' ny Tompo; ary nitsaoka izy araka ny fomba izay tsy fahitan' i Almà sy ny rahalahiny na oviana na oviana;

13 Fa natsangany teo afovoan' ny sinagogany ny toerana iray, toerana itsanganana, izay avo ambonin' ny loha; ary ny eo tampony dia tsy omby afa-tsy olona iray.

14 Koa, na zovy na zovy no naniry ny "hitsaoka dia tsy maintsy mandroso sy mitsangana eo an-tampony sy naninjitra ny tanany nanondro ny lanitra ary nihiaka tamin' ny feo mahery, nanao hoe:

15 Ry Andriamanitra masina, masina; mino izahay fa Ianao no Andriamanitra, ary mino izahay fa masina Ianao, ary efa fanahy Ianao, ary fanahy Ianao, ary ho fanahy mandrakizay Ianao.

16 Ry Andriamanitra masina, mino izahay fa efa nosarahinao tamin' ny rahalahinay izahay; ary tsy mino ny fomban' ny rahalahinay izahay, izay nampitaina taminy araka ny maha-fanahin-jaza ny razany; nefa mino izahay fa efa "nofidianao izahay ho ^bzanakao masina; ary efa nampahafantarinao anay koa fa tsy hisy i Kristy.

17 Fa Ianao no tsy miova

7a TSM Helamàna,
Zanakalahin' i Almà.
b Almà 30:59.

8a Almà 24:30.
9a TSM Apôstazia.
14a Mat. 6:1-7.

16a Almà 38:13-14.
b Isa. 65:3, 5.

omaly, anio ary mandrakizay; ary efa “nofidianao izahay, mba hovanjena, raha ny rehetra manodidina anay kosa dia finidin’ ny fahatezeranao hatsipy any amin’ ny helo; noho izany fahamasinana izany, Andriamanitra ô, no isaoranay Anao; ary isao ranay koa Ianao fa efa nofidinao izahay mba tsy hahazoana mitarika anay haniaasia araka ny fomba adaladalan’ ny rahalahinay, izay mamatotra azy amin’ ny finoana an’ i Kristy izay mitarika ny fony hirenireny lavitra Anao Andriamanitray.

18 Ary misaotra Anao indray izahay, Andriamanitra ô, fa vahoaka finidy sy masina izahay. Amena.

19 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nandre izany vavaka izany i Almà sy ny rahalahiny ary ny zanany lahy, dia talanjona tsy nisy ohatra izany tokoa izy ireo.

20 Fa indro, nandroso ny olona tsirairay ary nanolotra izany vavaka izany ihany.

21 Ankehitriny ny toerana dia nantsoiny hoe Rameomtôma izay raha adika dia fijoroana masina.

22 Ankehitriny dia teo amin’ izany fijoroana izany no nanolorany, ny olona tsirairay avy, ny vavaka nitovizana ho an’ Andriamanitra, misaotra ny Andriamaniny fa nofinidiny izy ary tsy notarihany hanaraka ny fomban’ ny rahalahiny ka tsy nofitahina ny fony mba hino ny zavatra ho avy, izay tsy nisy

na inona na inona fantany ny momba izany.

23 Ankehitriny, rehefa avy nanolotra fisaorana araka izany fanao izany ny olona rehetra, dia niverina tany amin’ ny fonenany izy ka tsy niresaka “na oviana na oviana indray ny momba an’ Andriamaniny, ambara-piarahany mivory indray eo amin’ ny fijoroana masina mba hanolotra fisaorana araka ny fanaony.

24 Ankehitriny rehefa nahita izany i Almà, dia “nalahelo ny fony; satria hitany fa olona ratsy sy mpamadika izy ireo; eny, hitany fa ny fony dia napetrany tamin’ ny volamena sy tamin’ ny volafotsy ary tamin’ ny karanjava-tsoa rehetra.

25 Eny, ary hitany koa fa ny fony dia “tafasondrotra avo hatrany amin’ ny fieboeboany fatratra, tao amin’ ny fiavonavonany.

26 Ary nanandratra ny feony nankany an-danitra izy sy “niantso, nanao hoe: Ô, mandra-pahoviana, Tompo ô, no hamelanao ny mpanomponao honina etỳ ambany ao amin’ ny nofo, mba hahita faharatsiana bontolo toy izao eo anivon’ ny zanak’ olombelona?

27 Indro Andriamanitra ô, “antsoiny Ianao, kanefa ny fony dia voatelina ao amin’ ny fiavonavonany. Indro, Andriamanitra Ô, antsoiny amin’ ny vavany Ianao, raha mbola ^bmi-zihitra mihoa-pampana amin’

17a TSM Zava-poana.

23a Jakoba 1:21–25.

24a Gen. 6:5–6.

25a Jakôba 2:13;

Almà 1:32.

26a Mos. 7:41–58.

27a Isa. 29:13.

^b TSM Fiavonavonana.

ny zava-poanan' izao tontolo izao izy.

28 Jereo, Andriamanitra ô, ny fitafiany lafo vidy sy ny perany, ary ny "habany sy ny firavany volamena ary ny zava-tsarobidiny rehetra izay iravahany; ary indro, ny fony dia napetrany tamin' ireny, kanefa dia antsoiny ianao sy ataony hoe—Misaotra Anao izahay, Andriamanitra ô, fa izahay dia olona finidy ho Anao, raha ny hafa kosa ho ringana.

29 Eny, ary lazainy fa efa nam-pahafantarinao azy fa tsy hisy i Kristy.

30 Tompo Andriamanitra ô, mandra-pahoviana no hamelanao ny faharatsiana sy ny tsy fahatokiana toy izany hisy eo anivon' ity vahoaka ity? Tompo ô, Ianao anie hanome ahy tanjaka mba hahazoako miaritra ny kilemako. Fa kilemaina aho, ary ny faharatsiana toy izao eo anivon' ity vahoaka ity dia mampanaintaina ny fanahiko.

31 Tompo ô, feno alahelo izaitaisy tokoa ny foko; Ianao anie hampionona ny fanahiko "ao amin' i Kristy. Tompo ô, hotovinao amiko anie ny hahazoako hery mba hahazoako mitondra amim-paharetana ireo fahoriana izay hanjo ahy ireo noho ny helok' ity vahoaka ity.

32 Tompo ô, Ianao anie hampionona ny fanahiko sy hanome fahombiazana ho ahy ary koa

ny mpiasa namako izay miaraka amiko—eny, dia i Amôna sy i Aharôna ary i Ômnera, ary koa i Amioleka sy i Zezrôma, ary koa ny zanako "roa lahy—eny, Ianao anie hampionona ireo rehetra ireo, Tompo ô. Eny, Ianao anie hampionona ny fanahiny ao amin' i Kristy.

33 Hotovinao aminy anie ny hahazoany tanjaka mba hahazoany miaritra ny fahoriany izay hianjady aminy noho ny helok' ity vahoaka ity.

34 Tompo ô, hotovinao "aminay anie ny hahazoanay fahombiazana amin' ny fitondrana azy ireo indray hankany Aminao ao amin' i Kristy.

35 Indro, Tompo ô, sarobidy ny "fanahiny, ary maro aminy no rahalahinay; noho izany, omeo anay Tompo ô, ny fahefana sy ny fahendrena mba hahazoanay mitondra indray ireto rahalahinay ireto hankany Aminao.

36 Ankehitriny ny zava-nitranga rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia "nametrahany ^btànana ireo rehetra izay niaraka taminy. Ary indro, raha nametrahany tanana izy ireo dia feno ny Fanahy Masina.

37 Ary taorian' izany dia nisaraka ny tsirairay, tsy "nana' eritreritra ny amin' ny tenany na izay hohaniny, na izay hosotroiny, na izay hotafiany.

38 Ary novatsian' ny Tompo

28a Isa. 3:16–24.

31a Jao. 16:33.

32a Almà 31:7.

34a 2 Ne. 26:33.

35a TSM Fanahy

(Fitambaran' ny Vatana sy ny Fanahy)—Hasarobidin' ny olona.

36a 3 Ne. 18:36–37.

^b TSM Fametrahantanana.

37a Mat. 6:25–34;

3 Ne. 13:25–34.

izy ireo mba tsy ho noana sy tsy hangetaheta; eny, ary nomeny azy ireo koa ny tanjaka mba tsy hiaretany izay mety ho karazam-^apahoriana ka tsy ho voa-telina ao amin' ny fifalian' i Kristy. Ankehitriny izany dia araka ny fivavak' i Almà; ary izany dia noho izy nivavaka tamim-^bpinoana.

TOKO 32

Nampianatra ny mahantra izay efa naetrin' ny fahoriana i Almà—Ny finoana dia fanantenana ny amin' izay tsy hita nefa marina—Nambaran' i Almà fa ny anjely dia nampianatra ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy—Nampitaha ny teny tamin' ny voa iray i Almà—Tsy maintsy ambolena sy fahana-^anana izy—Rehefa izany dia tonga hazo izay iotazana ny voan' ny fiai-nana mandrakizay izy. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo sy nanomboka nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ny vahoaka, niditra tao amin' ny sinagogany sy tao an-tranony; eny, ary nitory teny an-dalany aza izy ireo.

2 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny filofosana fatratra teo anivony, dia nanomboka nahazo fahombiazana izy ireo teo anivon' ny ^a“saranga ambany tamin' ny vahoaka; satria indro, izy ireny dia noroahina hiala ny

sinagoga noho ny fitafiany maraorao—

3 Noho izany, izy ireny dia tsy navela hiditra tao amin' ny sinagogany mba hitsaoka an' Andriamanitra, satria noheverina ho fahalotoana; koa nahantra izy ireny; eny, izy ireny dia noheverin' ny rahalahiny ho toy ny tain-drendrika; koa ^a“nahantra izy ireny raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao; ary nahantra am-po koa izy ireny.

4 Ankehitriny, raha nampianatra sy niresaka tamin' ny olona teo amin' ny havoan' i Ônidà i Almà, dia nisy vahoaka sese-hena tonga teo aminy dia ireo izay vao avy noresahintsika, izay ^a“nahantra am-po noho ny fahantrany raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao.

5 Ary tonga teo amin' i Almà izy ireo; ary ny anankiray izay lohany taminy nanao taminy hoe: Indro, ^a“inona no hataon' ireto rahalahiko ireto fa amavoin' ny olon-drehetra izy ireo noho ny fahantrany, eny, ary indrindra indrindra ny mpisoronay; fa efa ^b“norohiny izahay hiala ny sinagoganay izay efa nilofosanay fatratra tokoa ny fananganana azy teo amin' ny tananay; ary efa norohiny izahay hiala noho ny fahantrana izaitsizy; ary tsy manana toerana mba hitsaohanay an' Andriamanitra izahay; ary indro, ^a“inona no hataonay?

6 Ary ankehitriny, nony nandre

38a Mat. 5:10–12;
Môsià 24:13–15;
Almà 33:23.
^b TSM Finoana.

32 2a TSM Mahantra.
3a Almà 34:40.
4a TSM Mahantra—
Mahantra am-panahy.

5a Ohab. 18:23.
^b Almà 33:10.
^d Asa 2:37–38.

izany i Almà, dia nihodina izy, ny tarehiny nanatrika azy avy hatrany, ary nijery tamim-pifaliana be izy; satria hitany fa ny ^afahorian' izy ireo dia efa ^bnampietry azy ireo marina tokoa, ary efa ^avoaomana izy ireo handre ny teny.

7 Noho izany dia tsy nitenenany intsony ilay valalabemandry anankiray; fa nahinjiny kosa ny tànany ary nokiahany ireo izay hitany, izay nivalo marina tokoa, ary nataony hoe:

8 Hitako fa efa ^amietry am-po tokoa ianareo; ary raha izany, dia hotahiana ianareo.

9 Indro efa nilaza ny rahalahinareo hoe: Inona no hataonay?—satria noroahina izahay hiala ny sinagoganay ka tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitray.

10 Indro lazaiko aminareo, moa mihevitra va ianareo fa tsy afaka ^amitsaoka an' Andriamanitra ianareo raha tsy ao amin' ny sinagoganareo ihany?

11 Ary ankoatra izany, dia te hanontany aho, moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia tsy maintsy mitsaoka an' Andriamanitra indray mandeha ihany ao anatin' ny herinandro?

12 Lazaiko aminareo fa tsara ny androahana anareo hiala ny sinagoganareo mba hahazoanareo mietry sy mba hahazoanareo mianatra ^afahendrena; satria ilaina ny hianaranareo fahendrena; fa noho ianareo

roahina dia amavoin' ny rahalahinareo ianareo noho ny ^bfahantranareo izaitsizy, ka dia entina any amin' ny fietren' ny fo ianareo; satria ilaina tokoa ny hitondrana anareo hietry.

13 Ary ankehitriny, satria voatery hietry ianareo, dia hotahiana ianareo; satria indraindray ny olona rehefa voatery hietry, dia mitady fibebahana; ary ankehitriny, marina tokoa fa na zovy na zovy no mibebaka dia hahita famindram-po; ary izay mahita famindram-po sy ^amaharitra hatramin' ny farany dia izy no hovanjena.

14 Ary ankehitriny, araka ny nolazaiko taminareo, satria noterena hietry ianareo, dia notahiana ianareo, fa moa tsy heverinareo va fa hotahiana kokoa izay manetry ny tenany marina tokoa noho ny teny?

15 Eny, izay manetry ny tenany marina tokoa sy mibebaka amin' ny fahotany ary miaritra hatramin' ny farany dia izy no hotahiana—eny, hotahiana kokoa noho ireo izay voatery hietry noho ny fahantrany izaitsizy.

16 Noho izany dia hotahiana izay ^amanetry ny tenany, rehefa tsy terena hanetry tena; na ny marimarina kokoa, amin' ny teny hafa, hotahiana izay mino ny tenin' Andriamanitra sy atao batisa fa tsy miaraka amin' ny ditran' ny fo, eny, rehefa tsy entina mba hahalala ny teny,

6a TSM Fahoriana.
b TSM Fanetren-tena.
d Almà 16:16–17;
F&F 101:8.

8a Mat. 5:3–5.
10a TSM Fitsaohana.
12a Mpito. 4:13.
b Ohab. 16:8.

13a Almà 38:2.
16a TSM Fanetren-tena.

na terena mihitsy hahalala mialohan' ny hinoany.

17 Eny, misy maro izay milaza hoe: Raha maneho aminay "famantarana iray avy any andanitra ianao, amin' izany dia hafantatra marina tokoa izahay; amin' izany dia hino izahay.

18 Ankehitriny manontany aho, izany ve no finoana? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; fa raha mahalala zavatra iray ny olona iray, dia tsy manana antony "hinoana izy, satria fantany izany.

19 Ary ankehitriny, moa va tsy voaozona kokoa izay "mahalala ny sitrapon' Andriamanitra ka tsy manao izany, noho ilay mino fotsiny, na manana antony fotsiny hinoana, ary lavo amin' ny fandikan-dalana?

20 Ankehitriny, ny amin' izany zavatra izany dia ianareo no tsy maintsy mitsara. Indro, lazaiko aminareo fa izany dia amin' ny andaniny toy ny amin' ny anki-lany; ary izany dia ho an' ny olona tsirairay avy araka ny asany.

21 Ary ankehitriny, araka izay nolazaiko momba ny finoana—ny "finoana dia tsy fananana fahalalana tomombana ny zavatra; noho izany, raha manampinoana ianareo, dia ^bmanantena ny zavatra izay ^dtsy hita kanefa marina.

22 Ary ankehitriny, indro, lazaiko anareo, ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa Andriamanitra dia feno famindram-po amin' izay rehetra mino ny

anarany; noho izany, maniry Izy voalohany indrindra ny hinoanareo, eny dia ny teniny.

23 Ary ankehitriny, manolotra ny olona ny teniny Izy amin' ny alalan' ny anjely, eny, "tsy ny lehilahy ihany fa ny vehivavy koa. Ankehitriny dia tsy izay ihany; ny ^bankizy madinika dia mandray ny teny omena azy imbe-tsaka, izay mampangaihay ny olon-kendry sy ny olo-mahay.

24 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, satria efa nirianareo ny hahafantatra tamiko izay hataonareo noho ianareo ory sy voaroaka—ankehitriny dia tsy maniry aho ny hiheveranareo fa te hitsara anareo aho, raha tsy araka izay marina—

25 Satria tsy te hilaza aho fa ianareo rehetra dia efa voatery hanetry ny tenanareo; satria mino marina tokoa aho fa misy ny sasany aminareo izay ho nanetry ny tenany na inona na inona toe-javatra mety ho nanjo azy.

26 Ankehitriny, araka izay nolazaiko momba ny finoana—fa izany dia tsy fahalalana tomombana—dia tahaka izany koa ny teniko. Tsy mety mahalala tanteraka avy hatrany ny maha azo antoka azy ianareo, dia toy ny finoana izay tsy fahalalana tomombana ihany koa.

27 Nefa indro, raha te hamoha sy hanaitra ny faharanitan' ny sainareo ianareo, na dia ho fandramana ny teniko aza, ary

17a TSM Famantarana.

18a Etera 12:12, 18.

19a Jao. 15:22–24.

21a Jao. 20:29; Heb. 11.

b TSM Fanantenana.

d Etera 12:6.

23a Joe. 2:28–29.

b Mat. 11:25;

Lio. 10:21;

3 Ne. 26:14–16;

F&F 128:18.

hampihatra sombiny amin' ny finoana, eny, na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny "maniry ny hino aza ianareo, dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo, ambara-pinoanareo amin' ny fomba izay hahafahanareo manisa toerana ho an' ny ampahany amin' ny teniko.

28 Ankehitriny, dia hampitahintsika amin' ny "voa iray ny teny. Ankehitriny, raha manisa toerana ianareo mba hahazoana mamboly ^bvoa iray ao amponareo, indro, raha tena voa marina izany na voa tsara, raha tsy mandroaka izany hivoaka ianareo noho ny "tsy finoanareo izay hanoheranareo ny Fanahin' ny Tompo, dia indro hanomboka handrobona ao an-tratranareo izy; ary rehefa tsapanareo ireo fihetsiny mandrobona, dia hanomboka hiteny anakampo ianareo hoe—Tsy azo ihodivirana ny maha tsy maintsy voa tsara azy, na ny teny dia tsara, satria manomboka mampivelatra ny fanahiko izy; eny, manomboka manazava ny ^ffahazavan-tsaiko izy, eny manomboka ho fy amiko izy.

29 Ankehitriny indro, moa va izany tsy hampitombo ny finoanareo? Lazaiko aminareo, Eny; kanefa, tsy nitombo izy ho lasa fahalalana tomombana.

30 Nefa indro, rehefa mandrobona ny voa sy mitsimoka ary manomboka mitombo, amin' izay dia tsy azo ihodivirana ny

tsy maintsy ilazanareo fa tsara ny voa; satria indro mandrobona izy sy mitsimoka ary manomboka mitombo. Ary ankehitriny, indro, moa va izany tsy hanatanjaka ny finoanareo? Eny, hohatanjahiny ny finoanareo: satria holazainareo hoe fantatro fa izany dia voa tsara; satria indro izy dia mitsimoka sy manomboka mitombo.

31 Ary ankehitriny, indro, moa ve azonareo antoka fa izany dia voa tsara? Lazaiko aminareo, Eny; satria ny voa tsirairay dia mamoa ny "karazany ihany.

32 Noho izany, raha mitombo ny voa dia tsara izy, fa raha tsy mitombo kosa izy, dia indro tsy tsara izy, noho izany dia ariana izy.

33 Ary ankehitriny, indro, satria efa nandramanareo ny nizaha sy ny namboly ny voa, ary mandrombona sy mitsimoka izy ary manomboka mitombo, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ahalalanareo fa tsara ny voa.

34 Ary ankehitriny, indro, moa va ny "fahalalanareo tomombana? Eny, ny fahalalanareo dia tomombana amin' izay zavatra izay, ary ny ^bfinoanareo matoritory; ary izany dia noho ianareo mahafantatra, satria fantatrareo fa ny teny dia efa nampivelatra ny fanahinareo, ary fantatrareo koa fa izy dia efa nitsimoka, fa ny fahazavan-tsainareo dia manomboka ho nihamazava,

27a Mar. 11:24.

28a Almà 33:1.

b Lio. 8:11.

d TSM Fo.

e Mat. 17:20.

f TSM Fahatakarana.

31a Gen. 1:11–12.

34a TSM Fahalalana.

b Etera 3:19.

ary ny ^asainareo dia manombo-
ka miitatra.

35 Ô amin' izany, moa va izany
tsy zava-misy? Lazaiko aminareo,
Eny, satria izany dia ^afahazavana;
ary na inona na inona fahazavana
dia tsara, satria azo avahana izy,
noho izany dia tsy maintsy fantatra-
reo fa tsara izany; ary ankehitriny
indro, rehefa avy nanandrana
izany fahazavana izany ianareo,
moa va ny fahalalanareo to-
mombana?

36 Indro, lazaiko aminareo,
Tsia; sady tsy tokony havelanareo
koa ny finoanareo, satria ianareo
dia tsy nanao afa-tsy ny nampihatra
ny finoanareo hambolena ny voa
mba hahazoanareo manao ny fanandramana
hahafantarana raha tsara ny voa.

37 Ary indro, rehefa manomboka
mitombo ny hazo, dia hiteny ianareo
hoe: Aoka hofahanantsika amin' ny
fanolokoloana be izy mba hahazoany
miorim-paka, mba hahazoany mitombo
sy mitondra voa ho antsika. Ary
ankehitryny, indro, raha fahananareo
amin' ny fanolokoloana be izy dia
hiorim-paka sy hitombo, ary hitondra
voa izy.

38 Fa raha ^atsy miraharaha ny hazo
ianareo sy tsy manana eritreritra
ny amin' ny famahanana azy, dia
indro tsy hiorim-paka izy; ary rehefa
tonga ny hafanan' ny masoandro,
dia mandazo azy, satria tsy niorim-paka

izy, ka maina, dia ongotanareo sy
arianareo.

39 Ankehitriny, izany dia satria
tsy ny voa no tsy tsara, na satria
koa tsy mampilendalenda ny voany;
fa izany dia satria karakaina ny
^ataninareo ary tsy te hamahana
ny hazo ianareo, noho izany ianareo
dia tsy afa-ka hanana ny voany.

40 Ary dia toy izany, raha tsy
te hamahana ny teny ianareo, ka
miandrindra amin' ny masompinoana
ny voany, no tsy ahafahanareo na
oviana na oviana mioty ny voa avy
amin' ilay ^ahazon' aina.

41 Nefa raha mamahana ny teny
ianareo, eny, mamahana ny hazo
raha manomboka mitombo izy,
amin' ny finoanareo miaraka amin' ny
fahazotoana be sy miaraka amin' ny
^afaharetana, sady miandrindra ny voany,
dia hiorim-paka izy; ary indro izy
ho tonga hazo ^bmaniry hatrany amin' ny
fiainana maharitra mandrakizay.

42 Ary noho ny ^afahazotoanareo
sy ny finoanareo ary ny faharetanareo
amin' ny teny, amin' ny famahanana
azy mba hahazoany miorim-paka
ao aminareo, dia indro, raha afaka
kelikely ianareo dia hioty ny ^bvoany
izay tena sarobidy, izay mamamy
manaoatra noho ny rehetra izay mamamy,
ary izay fotsy manaoatra noho ny
rehetra izay fotsy, eny, ary madio
manaoatra noho ny rehetra izay madio;
ary

34d TSM Saina.

35a Jao. 3:18–21.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

38a TSM Apôstazia.

39a Mat. 13:5.

40a Gen. 2:9; 1 Ne. 15:36.

41a TSM Faharetana.

^b Almà 33:23;

F&F 63:23.

42a TSM Fahazotoana.

^b 1 Ne. 8:10–12.

hivoky amin' izany voankazo izany ianareo, mandra-pahavoky anareo ka tsy ho noana ianareo sady tsy hangetaheta.

43 Amin' izay, ry rahalahiko, dia hotazanareo ny lokan' ny finoanareo sy ny fahazotoanareo, ary ny faharetanareo sy ny fahariponareo amin' ny fian-drasana ny hazo hitondra voa ho anareo.

TOKO 33

Nampianatra i Zenôsa fa ny olona dia tokony hivavaka sy hidera amin' ny toerana rehetra, ary ny famaliana dia nahodina hiala noho ny Zanaka—Nampianatra i Zenôka fa ny famindram-po dia nomena noho ny Zanaka—Efa nanangana ny tandindon' ny Zanak' Andriamanitra tany an-tany foana i Mosesy. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nampaniraka nankany aminy izy ireo, naniry ny hahafantatra raha tokony hino Andriamanitra "tokana izy ireo, mba hahazoan' izy ireo ity voankazo izay efa noteneniny ity, na ny fomba tokony hambolen' izy ireo ny ^bvoa, na ny teny izay efa noteneniny izay nolazainy fa tsy maintsy ambolena ao am-pony; na ny fomba tokony hanombohan' izy ireo mba hampihatra ny finoany.

2 Ary hoy Almà taminy: Indro, efa nolazainareo fa "tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitrareo ianareo satria roahina ianareo hiala ny sinagoganareo. Nefa indro, lazaiko aminareo, raha heverinareo fa tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitra ianareo, dia mandiso indrindra ianareo, ary tokony hodinihinareo ny ^bsoratra masina; raha heverinareo fa efa nampianatra izany anareo izy, dia tsy azonareo izy.

3 Moa tsaroanareo ve ny efa namakianareo izay efa nolazain' i "Zenôsa, ilay mpaminany fahiny, momba ny vavaka na ny ^bfitsaohana?

4 Fa hoy izy: Ianao dia feno famindram-po, Andriamanitra ô, fa efa nandre ny fivavako ianao, na dia fony aho tany antany foana aza; eny, ianao dia feno famindram-po, fony aho nivavaka ho an' ireo izay "fahavaloko, ary nampitodika azy ireo tamiko ianao.

5 Eny, Andriamanitra ô, ary feno famindram-po tamiko ianao, fony aho nitalaho Taminao tany "an-tsahako; fony aho nitalaho Taminao tao amin' ny fivavako, dia nandre ahy ianao.

6 Ary koa, Andriamanitra ô, fony aho nody tany an-tranoko dia nandre ahy tao amin' ny fivavako ianao.

7 Ary fony aho niditra tao an' "efitranoko, Ry Tompo, sy

33 1a 2 Ne. 31:21;
Môsîà 15:2–4.
b Almà 32:28–43.
2a Almà 32:5.
b Almà 37:3–10.

3a TSM Soratra
Masina—Soratra
Masina Very; Zenôsa.
b TSM Fitsaohana.
4a Mat. 5:44.

5a Almà 34:20–25.
7a Mat. 6:5–6;
Almà 34:26.

nivavaka Taminao, dia nandre ahy Ianao.

8 Eny, Ianao dia feno famindram-po amin' ny zanakao rehefa mitalaho Aminao izy, mba ho renao fa tsy ho ren' olona, ary ho renao izy.

9 Eny, Andriamanitra ô, Ianao dia efa feno famindram-po tamiko sy nandre ny fitalahoako teo afovoan' ny fiangonanao.

10 Eny, ary efa nandre ahy koa Ianao fony aho "norolahina sy nohamavoin' ny fahavaloko; eny, Ianao dia nandre ny fitalahoako sy ho tezitra tamin' ny fahavaloko, ary namangy azy tao amin' ny fahatezeranao tamin' ny fandravana faingana.

11 Ary Ianao dia nandre ahy noho ny fahoriako sy ny fahatsoram-poko; ary noho ny Zanakao no efa namindranao fo toy izany tamiko, noho izany aho dia hitalaho Aminao ao amin' ny fahoriako rehetra, fa ao Aminao no fifaliako; fa efa nampihodina ny famalianao hiala tamiko Ianao, noho ny Zanakao.

12 Ary ankehitriny, dia hoy Almà taminy: Moa va ianareo mino ireo "soratra masina ireo izay efa nosoratan' ireo tamin' ny fahagolan-tany?

13 Indro, raha mino ianareo, dia tsy maintsy mino izay nola-zain' i "Zenôsa; fa, indro hoy izy: Efa nampihodina ny famalianao hiala Ianao noho ny Zanakao.

14 Ankehitriny indro, ry raha-

lahiko, te hanontany aho raha efa namaky ny soratra masina ianareo? Raha efa namaky ianareo, ahoana no ahafahanareo tsy hino ny Zanak' Andriamanitra?

15 Satria "tsy voasoratra fa i Zenôsa irery no niresaka ny amin' ireo zavatra ireo, nefa i ^bZenôka koa dia niresaka ny amin' ireo zavatra ireo —

16 Fa indro, hoy izy: Ianao dia tezitra, Tompo ô, amin' ity va-hoaka ity, satria tsy tiany ny hahatakatra ny famindram-ponao izay efa natolotrao azy noho ny Zanakao.

17 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, hitanareo fa ny mpaminany fahiny faharoa no efa nanambara ny amin' ny Zanak' Andriamanitra, ary satria tsy te hahatakatra ny teniny ny olona dia "notorahany vato izy ho faty.

18 Nefa indro, tsy izay ihany; tsy ireo ihany no ireo izay efa niteny momba ny Zanak' Andriamanitra.

19 Indro, efa nolazain' i "Mosesy ny Aminy; eny, ary indro, ^btandindona iray no ^dnat-sangana tany an-tany foana, ka na zovy na zovy no ho nijery izany dia ho velona. Ary maro no nijery ary velona.

20 Saingy vitsy no nahatakatra ny hevitr' ireo zavatra ireo, ary izany dia noho ny hamafin' ny fony. Nefa nisy maro izay efa mafy fo loatra ka tsy nety nijery, noho izany dia maty izy ireny.

10a Almà 32:5.

12a TSM Soratra Masina.

13a Almà 34:7.

15a Jakôba 4:4.

b 1 Ne. 19:10;

Almà 34:7.

17a TSM Maritiora.

19a Deot. 18:15, 18;

Almà 34:7.

b Nom. 21:9;

2 Ne. 25:20;

Môsià 3:15.

d Jao. 3:14;

Hel. 8:14–15.

Ankehitriny, ny antony tsy nete-zany nijery dia satria tsy ninoa-ny fa izany dia “hahasitrana azy.

21 Ry rahalahiko, raha toa ianareo ka azo sitranina amin’ ny fanopazana fotsiny ny masonareo manodidina mba hasasitrana anareo, moa va tsy hijery faingana tokoa ianareo, sa aleonareo manamafy ny fonareo ao amin’ ny tsy finoana ka hanjary malaina, ary tsy te hanopy ny masonareo manodidina ianareo mba hahafaty anareo?

22 Raha izany, loza no hanjo anareo; fa raha tsy izany kosa, dia atopazo manodidina ny masonareo amin’ izany ary “manomboha mino ny Zanak’ Andriamanitra, fa ho avy Izy hanavotra ny olony ary hijaly sy ho faty Izy mba ^bhanonitra ny fahotany; ary ^c“hitsangana amin’ ny maty Izy izay hahatanteraka ny ^efitsanganana amin’ ny maty, ka ny olona rehetra dia hijoro eo anoloany mba hotsaraina araka ny ^fasany amin’ ny andro farany sady fitsarana.

23 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia iriako ny “hambolenareo izany teny izany ao am-ponareo, ary rehefa manomboka mitombo izy dia ny mba hamahana-nareo azy amin’ ny finoanareo. Ary indro, hanjary hazo izy, ^bhitombo ao anatinareo hatrany amin’ ny fiainana maharitra mandrakizay. Ary amin’ izany, dia enga anie ka hotovin’ Andria-

manitra aminareo ny hanamainana ny ^denta-mavesatrareo, amin’ ny alalan’ ny fifalian’ ny Zanany. Ary na dia izany rehetra izany aza dia hainareo atao raha sitrakareo. Amena.

TOKO 34

Nambaran’ i Amioleka fa ny teny dia ao amin’ i Kristy ho famonjena — Raha tsy atao ny sorompanavotana dia tsy maintsy ho fongana ny olombelona rehetra — Ny lalàn’ i Mosesy iray manontolo dia manondro ny soron’ ny Zanak’ Andriamanitra — Ny drafitra mandrakizain’ ny fanavotana dia mifototra amin’ ny finoana sy ny fibebahana — Mivavaha ho an’ ny fitahiana ara-nofa sy ara-panahy — Izaio fiainana izaio no fotoana hio-manan’ ny olona hihaona amin’ Andriamanitra — Miasà ho amin’ ny famonjena anareo amin’ ny fahatahorana eo anoloan’ Andriamanitra. Tokony ho 74 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany tamin’ ny tany izy, ary nitsangana i “Amioleka sy nanomboka nampianatra azy ireo, nanao hoe:

2 Ry rahalahiko, heveriko fa tsy azo heverina ny tsy hahalanareo ny amin’ ny zavatra izay efa voalaza momba ny fiavian’ i Kristy izay ampianarinay ho ny Zanak’ Andriamanitra;

20a 1 Ne. 17:40–41.

22a Almà 32:27–28.

^b Almà 22:14; 34:8–9.

^d TSM Fitsanganana

amin’ ny Maty.

^e Almà 11:44.

^f TSM Asa.

23a Almà 33:1; 34:4.

^b Almà 32:41;

F&F 63:23.

^d Almà 31:38.

34 1a Almà 8:21.

eny, fantatro fa “ireo zavatra ireo dia nampianarina anareo be dia be tokoa talohan’ ny fiendahanareo avy teo anivonay.

3 Ary satria efa nirinareo ny hahalala avy tamin’ ny rahalahiko malala ny mba hampahafantarany anareo izay tokony hataonareo, noho ny fahorianareo; ary efa somary noteneniny ihany taminareo ny mba hano-manana ny sainareo; eny, sady efa namporisihiny ho amin’ ny finoana sy ny faharetana ianareo—

4 Eny, na dia ny mba hananareo finoana ampy ihany aza ka “hambolena ny teny ao amponareo mba hahazoanareo manao fanandramana ny amin’ ny hatsarany.

5 Ary efa hitanay fa ny fanontaniana lehibe izay ao an-tsainareo dia, raha toa ka ao amin’ ny Zanak’ Andriamanitra ny teny, na raha toa ka tsy hisy i Kristy.

6 Ary hitanareo koa satria efa noporofoin’ ny rahalahiko taminareo, tamin’ ny ohatra maro, fa ny “teny dia ao amin’ i Kristy ho famonjena.

7 Efa nampahatsiahivin’ ny rahalahiko ny tenin’ i Zenôsa, fa ny fanavotana dia tonga amin’ ny alalan’ ny Zanak’ Andriamanitra, ary koa ny tenin’ i Zenôka; ary efa notanisainy koa i Mosesy mba hanaporifoana fa ireo zavatra ireo dia marina.

8 Ary ankehitriny, indro, “ha-

nambara aminareo ny tenako fa ireo zavatra ireo dia marina. Indro, lazaiko aminareo satria fantratro fa ho tonga eo anivon’ ny zanak’ olombelona i Kristy mba handray eo Aminy ny fandikan-dalàn’ ny olony, ary ^bhanonitra ny fahotan’ izao tontolo izao; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany.

9 Fa ilaina ny hanaovana ny “sorompanavotana; fa araka ny ^bdrafitra lehiben’ Ilay Andriamanitra Mandrakizay dia tsy maintsy misy sorompanavotana atao, fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty ny olombelona rehetra; eny, mafy fo ny rehetra; eny, ^dlavo sady very ny rehetra, ary tsy maintsy ho faty raha tsy noho ny sorompanavotana izay ilaina hatao.

10 Fa ilaina ny hisian’ ny “sorona lehibe sady farany; eny, tsy fanaovana sorona olona, na biby, na izay mety ho karazamborona; fa izany dia tsy ho fanaovana sorona olona; nefa izany dia tsy maintsy ho ^bsorona ^dtsisy fetra sady mandrakizay.

11 Ankehitriny dia tsy mety hisy olona izay afaka manao sorona ny rany ihany ka hanonitra ny fahotan’ ny hafa. Ankehitriny, raha mamono olona ny olona iray, indro, moa ny lalàn-tsika izay “marina hanala ny ain’ ny rahalahiny? Lazaiko aminareo, Tsia.

2a Almà 16:13–21.

4a Almà 33:23.

6a Jao. 1:1, 14.

8a TSM Mijoro ho Vavolombelona.

b TSM Sorompanavo-

tana.

9a Almà 33:22.

b Almà 12:22–33;

Mos. 6:62.

d TSM Fahalavaon’ i Adama sy i Eva.

10a Mos. 5:6–7.

b TSM Sorona.

d 2 Ne. 9:7.

11a Deot. 24:16;

Môsîà 29:25.

12 Nefa ny lalàna dia mitaky ny ain' izay efa "namono olona; noho izany dia tsy mety hisy na inona na inona izay latsaky ny sorompanavotana tsisy fetra ka ho ampy ho an' ny fahotan' izao tontolo izao.

13 Noho izany, dia ilaina ny hisian' ny sorona lehibe sady farany, ary amin' izany dia hisy, na tsara ny hisian' ny "fitsaharan' ny fandatsahan-dra; amin' izany dia ho tanteraka ny ^blalàn' i Mosesy; eny, ho tanteraka avokoa izany, na ny litera na ny tendron-tsoratra tsirairay, ary tsy hisy ho levona.

14 Ary indro, izany no "hevitra manontolon' ny ^blalàna, ka ny antsipiriany tsirairay dia manondro izany "sorona lehibe sady farany izany; ary izany sorona lehibe sady farany izany dia ho ny Zanak' Andriamanitra, eny, tsisy fetra ary mandrakizay.

15 Ary dia toy izany no hitondrany "famondra ho an' ireo rehetra izay hino ny anarany; izany no anton' ity sorona farany ity, dia ny hahatanteraka ny kibon' ny famindram-po, izay mandresy ny fahamarinana ary mitondra fitaovana ho an' ny olona mba hahazoany manana finoana ho amin' ny fibebahana.

16 Ary araka izany, ny "famindram-po dia afaka manefa ny

fitakian' ny ^bfahamarinana sy mamihina azy ireo amin' ny sandrin' ny fiantohana, fa izay tsy mampihatra finoana ho amin' ny fibebahana kosa dia mankahatra ny lalàna manontolon' ny fitakian' ny "fahamarinana; koa amin' izay manana finoana ho amin' ny fibebahana ihany no tanterahina ny "drafitry ny famonjena lehibe sy mandrakizay.

17 Noho izany dia enga anie ka hotovin' Andriamanitra aminareo, ry rahalahiko, ny hahazoanareo manomboka mampihatra ny "finoanareo ho amin' ny fibebahana mba hanombohana-reo ^bhiantso ny anarany Masina, mba hananany famindram-po aminareo;

18 Eny, mitalahoa Aminy ho famindram-po; fa mahery Izy ka mahavonjy.

19 Eny, manetre tena ianareo, ary tohizo ny fivavahana Aminy.

20 Mitalahoa Aminy rehefa eny an-tsahanareo ianareo, eny, ho an' ny biby fiompinareo rehetra.

21 "Mitalahoa Aminy ao an-tranonareo, eny, ho an' ny anko-honanareo rehetra, na maraina, na antoandro ary na hariva.

22 Eny, mitalahoa Aminy hanoherana ny herin' ny fahavalonareo.

23 Eny, "mitalahoa Aminy hanoherana ny ^bdevoly izay

12a TSM Famaizana ho Faty; Famonoan' Olona.

13a 3 Ne. 9:17, 19-20.
b 3 Ne. 15:5.

14a Almà 30:3.
b TSM Lalàn' i Mosesy.

d F&F 138:35.

15a TSM Famondra.

16a TSM Famindram-po.
b TSM Fahamarinana.
d Almà 12:32.
e TSM Drafitry ny Fanavotana.

17a TSM Finoana.

b TSM Vavaka.

21a Sal. 5:1-3;

3 Ne. 18:21.

23a 3 Ne. 18:15, 18.

b TSM Devoly.

fahavalon' ny ^dfahamarinana rehetra.

24 Mitalahoa Aminy ho an' ny vokatry ny sahanareo mba hahazoanareo fanambinana aminy.

25 Mitalahoa ho an' ny biby fiompy eny an-tsahanareo mba hahazoany mitombo.

26 Nefa tsy izay ihany; ianareo dia tsy maintsy mamboraka ny fanahinareo ao an' ^aefi-tranona-reo sy ny toera-miafinareo ary any an-tany foanareo.

27 Eny, ary rehefa tsy mitalaho amin' ny Tompo ianareo, dia aoka ny ^afonareo ho ^bfeno, mitodika Aminy lalandava ao amin' ny vavaka ho an' ny fiadanareo, ary koa ho an' ny fiadanan' ireo izay manodidina anareo.

28 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, aza mihevitra ianareo fa izay ihany; fa rehefa avy nanao ireo zavatra rehetra ireo ianareo, raha manosi-bohon-tanana ny ^amahantra sy ny mitanjaka ianareo, ary tsy mamangy ny marary sy ny ory, ary tsy ^bmizara amin' ny fanananareo nefa manana ianareo, ho an' ireo izay mila izany—lazaiko aminareo, raha tsy manao na inona na inona amin' ireo zavatra ireo ianareo, dia indro, ^azava-poana ny ^cvavakareo sady tsy mahasoanareo na amin' inona na amin' inona izany, ary ianareo dia

tahaka ny mpihatsaravelatsihy izay mandà ny finoana.

29 Noho izany, raha tsy mahatsiaro ho ^amiantra namana ianareo, dia toy ny tain-drendrika ianareo, izay arian' ny mpan-drendrika (noho izy tsy misy vidiny) ary hosihsosen' ny olona amin' ny tongotra.

30 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia mba tiako, rehefa avy nandray vavolombelona maro tokoa ianareo ka nahita fa ny soratra masina dia manambara ny amin' ireo zavatra ireo, ny handrosoanareo sy ny hamoazanareo ny ^avoa miendrika ny fibebahana.

31 Eny, mba tiako ny handrosoanareo sy ny tsy hanamafisanareo ny fonareo intsony; fa indro, izao no fotoana sy ^aandron' ny famonjena anareo; ary noho izany, raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia eo no ho eo no hahatanteraka aminareo ny drafitra lehiben' ny famonjena.

32 Fa indro, izao fiainana izao no fotoana ho an' ny olona mba ^ahiomanana hihaonana amin' Andriamanitra; eny, indro, ny andron' izao fiainana izao no andro ho an' ny olona mba hanatontosany ny asany.

33 Ary ankehitriny, toy izay nolazaiko taminareo teo aloha, satria efa nanana vavolombelona maro tokoa ianareo, noho izany dia miangavy anareo aho

23d TSM Fahamarinana.

26a Mat. 6:5–6.

27a TSM Fo.

^b TSM Misaintsaina.

28a TSM Mahantra.

^b TSM Fiantrana.

^d Môrô. 7:6–8.

^e Mat. 15:7–8.

29a TSM Fiantrana.

30a Mat. 3:8;

Almà 13:13.

31a Roma. 13:11–12.

32a 2 Ne. 2:21;

Almà 12:24; 42:4–6.

mba tsy “hanemoranareo ny andron’ ny ^bfibebahanareo hatramin’ ny farany; fa aorian’ izao androm-piainana izao, izay omena antsika mba hiomanana ho amin’ ny mandrakizay, indro, raha tsy mampiasa tsara ny fotoantsika isika raha mbola eto amin’ ity fiainana ity, dia ho avy ny ^aalin’ ny ^ahaizina izay tsy misy asa azo atao.

34 Tsy afaka milaza ianareo rehefa entina eo amin’ izany “sahotaka mahatsiravina izany fa, izaho dia hibe-baka, fa izaho dia hiverina any amin’ Andriamanitra. Tsia, tsy afaka milaza izany ianareo; satria io fanahy io ihany izay mizaka ny tenanareo amin’ ny fotoana izay andehananareo miala izao fiainana izao, io fanahy io ihany no hana-kery hizaka ny tenanareo ao amin’ izany tontolo mandrakizay izany.

35 Nefa indro, raha efa nahe-motrareo ny andron’ ny fibebahanareo, hatrany amin’ ny fahafatesana mihitsy, dia indro efa lasa “feheziny ny fanahin’ ny devoly ianareo, ary ^bfeheziny ho azy ianareo; koa efa nisintonana niala taminareo ny Fanahin’ ny Tompo, ary tsy manana toerana ao aminareo, ary ny devoly no efa manana ny fahefana rehetra aminareo; ary dia izany no toetra faran’ ny olon-dratsy.

36 Ary izany dia fantatro, sa-

tria efa nilaza ny Tompo fa tsy mitoetra ao amin’ ny tempoly “tsy masina Izy, fa ao am-pon’ ny ^bmarina kosa Izy no mitoetra; eny, ary efa nolazainy koa fa ny marina no hipetraka ao amin’ ny fanjakany ka tsy handeha hivoaka intsony; fa ny fitafiany kosa dia hofotsiana amin’ ny ran’ ny Zanakondry.

37 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, dia iriako ny mba hahatsiarovanareo ireo zavatra ireo sy ny “hisanareo ho amin’ ny famonjena anareo amin’ ny fahatahorana eo anoloan’ Andriamanitra ary ny tsy handavanareo intsony ny fiavian’ i Kristy;

38 Ny tsy “hifandiranareo intsony amin’ ny Fanahy Masina, fa ny handraisanareo Azy kosa sy ny hitondranareo ny ^banaran’ i Kristy; ny hanetrenareo ny tenanareo na dia hatrany amin’ ny vovoka aza sy ny ^ahitsaohanareo an’ Andriamanitra, na aiza na aiza toerana mety hisy anareo amin’ ny fanahy sy ny fahamarinana; ary ny haiinana-reo ao amin’ ny “fanati-tsaotra isan’ andro, noho ny famindram-po maro sy ny fitahiana izay atolony anareo.

39 Eny, ary mamporisika anareo koa aho, ry rahalahiko, ny “hiambenanareo amim-bavaka lalandava, mba tsy hahazoana mitarika anareo haniaasia amin’

33a Hel. 13:38;

F&F 45:2.

b TSM Fibebahana.

d Jao. 9:4; F&F 45:17.

e TSM Haizim-panahy;

Fahafatesana

Ara-panahy.

34a Almà 40:13–14.

35a 2 Ne. 28:19–23.

b 2 Ne. 9:9.

36a Môsià 2:37;

Almà 7:21;

Hel. 4:24.

b TSM Fahamarinana.

37a Filip. 2:12.

38a TSM Fifandirana.

b Môsià 5:8; Almà 5:38.

d TSM Fitsaohana.

e Sal. 69:30; F&F 59:7.

TSM Misaotra.

39a TSM Mpiambina.

ny ^bfakam-panahy avy amin' ny devoly, mba tsy hahazoany mandresy anareo, mba tsy hahatonga anareo ho olom-peheziny amin' ny andro farany; fa indro, ^atsy mamaly zava-tsoa anareo izy.

40 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, te hamporisika anareo aho mba hanana ^afaharetana ka hiaretanareo ny karazam-pahoriana rehetra; ny tsy ^bhanozonanareo ireo izay mandroaka anareo noho ny fahantranareo izaitsizy, fandrao dia hanjary mpanota toa azy ireo ianareo;

41 Fa ny mba hanananareo faharetana kosa sy ny hizakanareo ireo fahoriana ireo amin' ny fanantenana mafy orina fa hiala sasatra amin' ny fahorianareo rehetra ianareo indray andro any.

TOKO 35

Nandrava ny komiberaky ny Zôramita ny fitoriana ny teny—Noroahiny ireo niova fo izay nikambana tamin' ny vahoakan' i Amôna tany Jersôna tamin' izay—Nalahelo i Almà noho ny faharatsian' ny vahoaka. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo teny ireo i Amioleka, dia nisintona niala ny vahoaka sesehena izy ireo ary tonga tao an-tanin' i Jersôna.

2 Eny, ary ny rahalahy sisa, rehefa avy nitory teny tamin'

ny Zôramita, dia tonga tao an-tanin' i Jersôna koa.

3 Ary ny zava-nitranga, rehefa niara-nifanakalo hevitra ny ampahany mamim-bahoaka indrindra tamin' ny Zôramita momba ny teny izay efa notorianatamin' ny teny, satria nandrava ny ^akomiberaka teo aminy izany; koa tsy tiany hohenoina ny teny.

4 Ary nampaniraka izy ary novoriany miaraka ny olona rehetra eran' ny tany manontolo, ary nodinihiny niaraka tamin' ny momba ny teny izay efa noresahina.

5 Ankehitriny, ny mpitondra sy ny mpisorona ary ny mpampianatra azy dia tsy namela ny vahoaka hahalala momba ny fanirian' izy ireo; noho izany izy ireo dia nizaha an-tsokosoko ny hevitra ny olon-drehetra.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nitsapa ny hevitra ny olon-drehetra izy ireo, dia noroahina hiala ny tany ireo izay nankasitraka ny teny izay efa noresahin' i Almà sy ny rahalahiny; ary maro izy ireo; ary nankany an-tanin' i Jersôna koa izy ireo.

7 Ary ny zava-nitranga dia, niahy azy ireo i Almà sy ny rahalahiny.

8 Ankehitriny, ny vahoakan' ny Zôramita dia tezitra tamin' ny vahoakan' i Amôna izay tao an-tanin' i Jersôna, ary ny filoha mpitondra ny Zôramita, izay olona tena mamohetatra, dia nampaniraka hankany amin' ny vahoakan' i Amôna, nangataka

39b TSM Fakam-panahy.
d Almà 30:60.

40a TSM Faharetana.
b F&F 31:9.

35 3a TSM Komiberaky
ny Mpisorona.

azy ny handroahany hiala ny taniny ireo rehetra izay tonga tao amin' ny taniny ka avy tany aminy.

9 Ary nifofo fandrahonana maro taminy izy. Ary ankehitriny ny vahoakan' i Amôna dia tsy natahotra ny teniny; noho izany dia tsy noroahiny izy ireo fa noraisiny kosa ny mahantra rehetra tamin' ny Zôramita, izay tonga tany aminy; ary "nofahany sy notafiany izy ireo ary nomeny tany ho lovany; ary noahiany araka ny filany izy ireo.

10 Ankehitriny, izany dia nam-bosy ny Zôramita ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Amôna, ary nanomboka niharoharo tamin' ny Lamanita izy sy namporisika azy koa ho tezitra aminy.

11 Ary dia toy izany no nanombohan' ny Zôramita sy ny Lamanita nanao fiomanana ho amin' ny ady amin' ny vahoakan' i Amôna, ary koa amin' ny Nefita.

12 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

13 Ary niainga ny vahoakan' i Amôna niala ny tanin' i Jersôna sy lasa nankany an-tanin' i Meleka ary nanome ny toerana tao an-tanin' i Jersôna ho an' ny miaramilan' ny Nefita mba hahazoany miady amin' ny miaramilan' ny Lamanita sy ny miaramilan' ny Zôramita; ary dia toy izany no nanombohan' ny ady teo amin' ny Lamanita

sy ny Nefita, tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara; ary ny "fitantarana ny adin' izy ireo dia homena any aoriana.

14 Ary i Almà sy i Amôna ary ny rahalahiny ary koa ny zanak' i Almà roa lahy dia niverina tany an-tanin' i Zarahemlà, rehefa lasa fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra tamin' ny fitondrana ny "maro tamin' ny Zôramita ho amin' ny fibebahana, ary izay rehetra nentina nankamin' ny fibebahana dia noroahiny hiala ny taniny; nefa nahazo tany ho lovany izy ireo tany an-tanin' i Jersôna, ary efa nandray fiadiana izy ireo hiarovany ny tenany sy ny vadiny, ary ny zanany sy ny taniny.

15 Ankehitriny i Almà, rehefa nalahelo noho ny heloky ny vahoakany, eny, noho ny ady sy ny fandatsahan-dra ary ny fifandirana izay teo anivony; ary rehefa lasana nanambara ny teny, na nalefa mba hanambara ny teny tany anivon' ny olondrehetra isan-tanàna; ary rehefa nahita fa ny fon' ny olona dia nanomboka ho nihamafy, ka nanomboka ho "tafintohina izy ireo noho ny mahahenjany ny teny, dia feno alahelo fatratra tokoa ny fony.

16 Noho izany, dia nataony izay hamoriana miaraka ny zanany lahy mba hahazoany manome ny tsirairay avy ny "andraikiny manokana avy, momba ny zavatra mikasika ny

9a Môsià 4:26.
TSM Asa
Fanasoavana.

13a Almà 43:3.
14a Almà 35:6.
15a TSM Apôstazia.

16a TSM Fitantanandrahara.

fahamarinana. Ary anananay ny fitantarana ny didiny izay nomeny azy ireo araka ny rakisorany ihany.

Ny didin' i Almà tamin' i Helamàna zanany lahy.

Mahafoaka ny toko 36 sy 37.

TOKO 36

Nambaran' i Almà tamin' i Helamàna ny amin' ny fiova-pony taorian' ny nahitany anjely iray—Niaritra ny fanaintainan' ny fanahy voaozona izy; niantso ny anaran' i Jesoa izy ary naterak' Andriamanitra tamin' izay—Heniky ny fifaliana mamy ny fanahiny—Nahita andian' anjely nitsaoka an' Andriamanitra izy—Niova fo maro no efa nanandrana sy nahita toy ny efa nanandramany sy nahitany. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

Ry "zanako, mampandria sofina amin' ny teniko; fa mianiana aminao aho, fa arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboanao eo amin' ny tany.

2 Mba tiako ny hanaovanao toy izay efa nataoko ka hahatsiarovanao ny fahababoan' ny razantsika; fa tao amin' ny "famatorana izy, ary tsy nisy afaka nanafaka azy afa-tsy ny "Andriamanitr' i Abrahama sy ny

Andriamanitr' i Isaka, ary ny Andriamanitr' i Jakoba; ary Izy dia nanafaka azy marina tokoa tamin' ny fahoriany.

3 Ary ankehitriny, Ry Helamàna zanako lahy, indro ao amin' ny fahatanoranao ianao, ary noho izany, miangavy anao aho mba hihainoanao ny teniko sy hianaranao amiko; satria fantatro fa na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny "fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany, ary "hasandratra izy amin' ny andro farany.

4 Ary tsy mba tiako ny hiheveranareo fa "mahalala avy amin' ny tenako aho—tsy avy amin' ny nofo fa avy amin' ny fanahy, tsy avy amin' ny "fisainan' ny nofo fa avy amin' Andriamanitra.

5 Ankehitriny, indro, lazaiko aminao, raha tsy "naterak' Andriamanitra aho dia "tsy ho nahalala ireo zavatra ireo; nefa Andriamanitra, tamin' ny vavan' ny anjely masina, dia efa nampahalala ahy ireo zavatra ireo, tsy noho izay mety ho "fahamendrehan' ny tenako;

6 Fa nandeha nivezivezy aho niaraka tamin' ny zanakalahin' i Môsià, nikatsaka ny "handrava ny fiangonan' Andriamanitra; nefa indro, nandefa ny anjely masina Andriamanitra mba

36 1a Hel. 5:9–14.

2a Môsià 23:23; 24:17–21.

b Eks. 3:6;

Almà 29:11.

3a Roma. 8:28.

b Môsià 23:21–22.

4a 2 Tan. 2:11;

Almà 5:45–46.

TSM Fahalalana.

b TSM Ara-nofo.

5a TSM Ateraka Indray,

Aterak' Andriamanitra.

b Almà 26:21–22.

d TSM Mendrika.

6a Môsià 27:10.

hampijjanona anay teny an-dalana.

7 Ary indro niteny taminay izy, miova tsy ny feon' ny kotro-baratra, ary ny tany manontolo dia "nihorohoro teo ambany tongotray; ary lavo tamin' ny tany izahay rehetra, fa tonga taminay ny ^bfahatahorana ny Tompo.

8 Nefa indro, hoy ilay feo tamiko: Mitsangàna. Ary nitsangana aho dia nijoro, ary hitako ilay anjely.

9 Ary hoy izy tamiko: Na dia tianao hofongorana aza ny tenanao, dia aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny fiangonan' Andriamanitra.

10 Ary ny zava-nitranga dia lavo tamin' ny tany aho; ary nandritra ny "telo andro sy telo alina aho dia tsy afa-nisokabava, sady tsy afa-nampiasa ny rantsam-batako.

11 Ary niteny zavatra misimisy tamiko ilay anjely, izay ren' ny rahalahiko, nefa izaho dia tsy nandre azy ireo; fa nony nandre ny teny aho—Na dia tianao hofongorana aza ny tenanao, dia aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny fiangonan' Andriamanitra—dia nozoin' ny tahotra sy ny hagagana be toy izany aho fandrao aho angamba dia hofongorana ka dia lavo tamin' ny tany aho ary tsy nandre na inona na inona intsony.

12 Saingy nampijalian' ny "fijaliana mandrakizay aho, satria

ny fanahiko dia norotidrotehana hatrany amin' ny faran' izay lalina indrindra sy nampijalian' ny fahotako rehetra.

13 Eny, nahatsiaro ny fahotako sy ny heloko rehetra aho, izay "nampijaly ahy tamin' ny fanaintainan' ny helo; eny, hitako fa izaho dia efa nikomy tamin' Andriamanitra ary tsy nitandrina ny didiny masina.

14 Eny, ary efa namono ny maro tamin' ny zanany aho, na ny marimarina kokoa, nitarika azy ireny hankany amin' ny faharavana; eny, ary raha fintinina dia lehibe loatra ny heloko, ka ny fieritreretana indrindra ny fiverenana eo anatrehan' Andriamanitra dia nampijaly ny fanahiko tamin' ny horohoro tsy hay lazaina.

15 Ô, hoy ny eritreritra, inay anie aho "azo natao sesin-tany sy nanjary fongana, na fanahy na vatana, mba tsy hahazoana mitondra ahy hijoro eo anatrehan' Andriamanitra hotsaraina amin' ny ^bnataoko.

16 Ary ankehitriny, nandritra ny telo andro sy telo alina aho dia nijaly tamin' ny fanaintainan' ny "fanahy voaozona.

17 Ary ny zava-nitranga, raha nampijalian' ny fijaliana toy izany aho ka mbola "norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotako maro dia indro nahatsiaro koa aho ho efa nandre ny raiko naminy tamin' ny

7a Môsià 27:18.
b TSM Tahotra—
Tahotra an'
Andriamanitra.
10a Môsià 27:19–23.

12a F&F 19:11–15.
13a TSM Heloka.
15a Fan. 6:15–17;
Almà 12:14.
b Almà 41:3;

F&F 1:9–10.
16a TSM Fahamelohana.
17a 2 Kor. 7:10.

vahoaka ny momba ny fiavian' izany Jesoa Kristy izany, izay Zanak' Andriamanitra mba hanonitra ny fahotan' izao tonto-lo izao.

18 Ankehitriny, raha nifantoka tamin' izany eritreritra izany ny saiko, dia nihiaka tao am-poko aho hoe: Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak' Andriamanitra, mamin-dra fo amiko, izay "ao anatin' ny ngidin' ny afero sy voahodidin' ny ^bgadra maharitra mandrakizain' ny fahafatesana.

19 Ary ankehitriny, indro, nony nieritreritra izany aho, dia tsy nety nahatsiaro intsony ny fanaintainako; eny, tsy "norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotako intsony aho.

20 Ary ô, endrey "fifaliana, ary endrey hazavana mahagaga no hitako; eny, ny fanahiko dia feno fifaliana izay nihoa-pampana toy izay fanaintainako izay!

21 Eny, lazaiko aminao anaka, fa tsy ho nety nisy na inona na inona mafy sy mangidy tokoa toy izay fanaintainako izay. Eny, ary lazaiko aminao indray anaka, fa amin' ny lafiny ilany dia tsy mety hisy na inona na inona mahafinaritra sy mamy tokoa toy izay fifaliako izay.

22 Eny, efa nihevitra aho ho nahita, toy ny nahitan' i "Lehia raintsika, an' Andriamanitra mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany, voahodidin' ny andian' anjely tsy hita isa, eo

am-pihirana sy eo am-pankalazana ny Andriamaniny; eny, ary nirian' ny fanahiko ny hankeo.

23 Fa indro, ny rantsam-batako dia nahazo "hery indray, ary nijoro tamin' ny tongotro aho sy naneho tamin' ny olona fa efa ^bnaterak' Andriamanitra aho.

24 Eny, ary hatramin' izay fotoana izay ka mandrak' ankehitriny, dia efa niasa tsy nitsahatra aho mba hahazoako mitondra fanahy hankamin' ny fibebahana; mba hahazoako mitondra azy ireny "hanandrana ny fifaliana mihoa-pampana izay nandramako; mba ho azo aterak' Andriamanitra koa izy ireny sy ho ^bfeno ny Fanahy Masina.

25 Eny, ary ankehitriny indro anaka, ny Tompo dia manome ahy fifaliana lehibe fatratra tokoa noho ny vokatry ny asako;

26 Fa noho ny "teny izay efa nozarainy tamiko, dia indro, maro no efa naterak' Andriamanitra sy efa nanandrana toy ny efa nanandramako, ary efa nahita maso toy ny efa nahitako; noho izany izy ireo dia mahalala ny amin' ireo zavatra izay efa nolazaiko ireo, toy ny ahalalako; ary ny fahalalana izay ananako dia avy amin' Andriamanitra.

27 Ary efa notohanana aho nandritra ny fizahan-toetra sy ny fahasahiranana isan-karazany, eny, ary tamin' ny karazam-pahoriana rehetra; eny, Andriamanitra no efa nanafaka

18a IE ao anaty
fanenenana lalina.
b 2 Ne. 9:45; 28:22;
Almà 12:11;
Mos. 7:26.
19a TSM Heloka.

20a TSM Fifaliana.
22a 1 Ne. 1:8.
23a Mos. 1:10.
b Almà 5:14.
TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

24a 1 Ne. 8:12;
Môsîà 4:11.
b 2 Ne. 32:5;
3 Ne. 9:20.
TSM Fanahy Masina.
26a Almà 31:5.

ahy tao am-ponja sy tamin' ny fatorana ary tamin' ny fahafatesana; eny, ary mametraka ny fitokiako Aminy aho, ary mbola "hanafaka ahy Izy.

28 Ary fantatro fa "hatsangany aho amin' ny andro farany, mba hiara-mitoetra Aminy ^bamim-boninahitra; eny, ary hankalaza Azy mandrakizay aho, fa efa ^dnentiny niala tany Egypta ny razantsika ary efa nateliny tao amin' ny Ranomasina Mena ny ^eEgyptiana; ary notarihin' tamin' ny heriny izy hankany amin' ny tany nampanantenaina; eny, ary efa nafahany ombien' ny ombien' tamin' ny famatorana sy tamin' ny fahababoana izy.

29 Eny, ary efa nentiny koa ny razantsika hiala ny tanin' i Jerosalema; ary efa nafahany ombien' ny ombien' tamin' ny "famatorana sy ny fahababoana koa izy tamin' ny heriny maharitra mandrakizay, na dia mandrak' androany aza; ary efa nahatahiry mandrakariva tao amin' ny fahatsiarovana ny fahababoany aho; eny, ary ianao koa dia tokony hitahiry ao amin' ny fahatsiarovana, toy ny efa nataoko, ny fahababoany.

30 Nefa indro, anaka, tsy izay ihany; fa ianao dia tokony hahalala toy ny ahalalako, fa "arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboanao eo amin' ny tany; ary tokony hahalala koa ianao

fa arakaraka ny tsy hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hanesorana anao tsy ho eo anatrehany. Ankehitriny, izany dia araka ny teniny.

TOKO 37

Notsimbinina ny takela-barahina sy ny soratra masina hafa mba hitondra fanahy hankamin' ny famonjena—Nofongorana ny Jarèdita noho ny faharatsiany—Ny fianianany sy ny dinany an-tsokosoko dia tsy maintsy nafenina tamin' ny vahoaka—Milà hevitra amin' ny Tompo amin' ny ataonareo rehetra—Toy ny nitarihin' ny Liahônà ny Nefita no itarihin' ny tenin' i Kristy ny olona hankany amin' ny fiainana mandrakizay. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ry Helamàna zanako, mandidy anao aho ny hakanao ny "rakitsoratra izay efa ^bnankinina tamiko;

2 Ary mandidy anao aho ny hitananao ny rakitsoratr' ity vahoaka ity araka izay efa nataoko tamin' ny takelak' i Nefia, ary hitahiry ireo zavatra rehetra izay efa notehiriziko ireo ho masina, dia toy ny efa nitehirizako azy ireo; fa noho ny "fikasana hendry no itehirizana azy ireo.

3 Ary ireto "takela-barahina ireto izay mirakitra ireo soratra voasokitra ireo, izay manana ny rakitsoratra ny soratra masina

27a Sal. 34:17.

28a 3 Ne. 15:1.

^b TSM Voninahitra.

^d Eks. 12:51.

^e Eks. 14:26–27.

29a Môsià 24:17; 27:16;

Almà 5:5–6.

30a 2 Ne. 1:9–11;

Almà 50:19–22.

37 1a Almà 45:2–8.

^b Môsià 28:20.

2a Enôsa 1:13–18;

TiM 1:6–11;

Almà 37:9–12.

3a 1 Ne. 5:10–19.

TSM Takela-barahina.

eo aminy, izay manana ny tetiaran' ny razambentsika, na dia hatrany am-piandohana aza —

4 Indro, efa naminanian' ny razantsika, fa izy ireto dia tokony hotehirizina sy hifanoloran' ny taranaka mifandimby, ary hotehirizina sy hotsimbinin' ny tànan' ny Tompo mandra-pambaranana azy ireto any amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina, mba hahalalany ny amin' ny "mystery voarakitra ao aminy.

5 Ary ankehitriny, indro, raha tehirizina izy ireto dia tsy maintsy tanany ny famirapiratany; eny, ary hotanany ny famirapiratany; eny, ary ny takelaka rehetra koa izay mirakitra izay soratra masina.

6 Ankehitriny dia mety hoheverinareo fa izany dia "fahadalana avy amiko; nefa indro, lazaiko aminao fa amin' ny alalan' ny ^bzava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe; ary ny zava-madinika, amin' ny toe-javatra maro, dia mampangaihay ny hendry.

7 Ary ny Tompo Andriamanitra dia miasa amin' ny alalan' ny "fitaovana mba hanatanteraka ny fikasany lehibe sy mandrakizay; ary amin' ny alalan' ny zavatra tena ^bmadinika no ampangaihaizan' ny Tompo ny hendry sy itondrany ny famonjena ho an' ny fanahy maro.

8 Ary ankehitriny, efa zary fahendrena tao amin' Andria-

manitra hatramin' izao ny tokony hitsimbinana ireo zavatra ireo; fa indro, efa "nanitatra ny fitadidian' ity vahoaka ity izy ireo, eny, sy nandresy lahatra ny maro ny amin' ny hadisoan' ny lalany ary nitondra azy ireny nankamin' ny fahalalana an' Andriamaniny ho famonjena ny fanahiny.

9 Eny, lazaiko aminao, "raha tsy noho ireo zavatra ireo izay tehirizin' ireto rakitsoratra ireto, izay eo amin' ireto takelaka ireto, dia tsy ho afaka ^bnandresy lahatra ny an' arivony maro tamin' ny Lamanita ny amin' ny fahadisoan' ny fomban-drazany i Amôna sy ny rahalahiny; eny, ireto rakitsoratra ireto sy ny "tenin' izy ireo no nitondra azy ho amin' ny fibebahana; izany hoe, izy ireto no nitondra azy ho amin' ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny sy hifaly ao amin' i Jesoa Kristy Mpanavotra azy.

10 Ary iza moa no mahalala raha toa izy ireto ka tsy ho lasa fitaovana amin' ny fitondrana ny an' arivony maro aminy, eny, ary koa ny an' arivony maro amin' ny Nefita rahalahintsika mafy hatoka, izay manamafy ny fony ao amin' ny ota sy ny heloka ankehitriny, ho amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy?

11 Ankehitriny, ireo mystery ireo dia tsy mbola ampahala-laina ahy tanteraka; noho izany aho dia hifehy tena.

4a TSM Misterin' Andriamanitra.
6a 2 Tan. 2:14.
b 1 Ne. 16:28–29;

F&F 64:33; 123:15–17.
7a Isa. 55:8–9.
b 2 Mpan. 5:1–14.
8a 2 Tim. 3:15–17;

Môsià 1:3–5.
9a Môsià 1:5.
b Almà 18:36; 22:12.
d TSM Filazantsara.

12 Ary mety ho ampy ny ilazako fotsiny fa tsimbinina izy ireto noho ny fikasana hendry, izay fikasana fantratr' Andriamanitra; fa "manoro hevitra amimpahendrena Izy amin' ny asany rehetra, ary ny lalany dia mahitsy, ary ny fizotrany dia ^bhodina mandrakizay.

13 Ô tsarovy, tsarovy ry Helamàna zanako ny "mahahenjiana ny didin' Andriamanitra. Ary hoy Izy: ^bRaha mitandrana ny didiko ianareo dia ^dhiroborobo eo amin' ny tany—fa raha tsy mitandrana ny didiny kosa ianareo, dia hoesorina tsy ho eo anatrehany.

14 Ary ankehitriny, dia tsarovy anaka fa efa "nankinin' Andriamanitra taminao ireo zavatra ireo izay ^bmasina, izay efa notehiriziny ho masina ary izay hotehiriziny sy hotsimbininy koa noho ny ^dfikasana hendry ao Aminy, mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy.

15 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminao amin' ny alalan' ny fanahin' ny faminaniana, fa raha mandika ny didin' Andriamanitra ianao, indro, ireto zavatra ireto izay masina dia hoesorina aminao amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra, ary hatolotra an' i Satana ianao mba hahazoany mikororoka anao toy ny akofa eo anoloan' ny rivotra.

16 Nefa raha mitandrana ny didin' Andriamanitra ianao ary manao amin' ireto zavatra ireto izay masina araka izay andrian' ny Tompo anao, (fa tsy maintsy mangataka amin' ny Tompo ianao ny amin' ny zavadrehetra, na inona na inona no tsy maintsy ataonao aminy), dia indro, na ny herin' ny tany na ny helo dia tsy afaka "maka azy ireto eny aminao, fa Andriamanitra dia mahery amin' ny fanatanterahana ny teniny rehetra.

17 Fa hotanterahiny ny fampantenany rehetra izay hataony aminao, fa efa notanterahiny ny fampantenany izay efa nataony tamin' ny razantsika.

18 Satria nampanantenainy azy fa "hotsimbininy ireto zavatra ireto noho ny fikasana hendry ao Aminy mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy.

19 Ary ankehitriny, indro, fikasana iray no efa notanterahiny, dia ny fampodiana indray ny "an' arivony maro tamin' ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny marina; ary efa nasehony tao amin' izy ireto ny heriny ary mbola hasehony ao aminy koa ny heriny ho an' ny ^btaranaka ho avy; koa hotsimbinina izy ireto.

20 Koa mandidy anao, ry Helamàna zanako, hazoto amin' ny fanatanterahana ny teniko rehetra sy hazoto amin' ny fitandremana ny didin' Andria-

12a 2 Ne. 9:28;

Jakôba 4:10.

b 1 Ne. 10:19; Almà 7:20.

13a 2 Ne. 9:41.

b Almà 9:13; 3 Ne. 5:22.

d Môsià 1:7;

Almà 50:20.

14a F&F 3:5.

b TSM Masina.

d 1 Ne. 9:3-6.

16a JS—T 1:59.

18a F&F 5:9.

19a Almà 23:5.

b Enôsa 1:13;

Môrm. 7:8-10.

manitra araka izay anoratana azy ireny.

21 Ary ankehitriny, dia hore-sahiko aminao ny momba ireo ^atakelaka efatra amby roapolo ireo mba hitehirizanao azy ireo, ka ny mystery sy ny asan' ny maizina ary ny ^basany an-tsokosoko, na ny asa miafin' ireo vahoaka izay efa nofongorana ireo, dia ho azo aseho ity vahoaka ity; eny, ka ny famonoany olona rehetra sy ny fandroban' sy ny famaboany fananana sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany rehetra dia ho azo aseho ity vahoaka ity; eny, ary mba hitsimbinanao ireo ^dfandikan-teny ireo.

22 Satria indro, hitan' ny Tompo fa nanomboka niasa tao amin' ny maizina ny olony, eny, nanao famonoan' olona sy fahavetavetana miafina; noho izany, dia hoy ny Tompo, raha tsy mibebaka izy dia hofongorana eto ambonin' ny tany.

23 Ary hoy ny Tompo: Izaho hanomana ho an' i Gazelema mpanompoko, ^avato iray izay hamirapiratra ao amin' ny haizina ho fahazavana mba hahazoako mampiharihary amin' ny oloko izay manompo Ahy, mba hahazoako mampiharihary amin' ny asan' ny rahalahiny, eny, ny asany miafina, ny asany ao amin' ny maizina sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany.

24 Ary ankehitriny anaka, ireo fandikan-teny ireo dia efa no-

manina mba hahatanteraka ny tenin' Andriamanitra, izay nolazainy, manao hoe:

25 ^aHoentiko avy ao amin' ny maizina hankany amin' ny mazava ny asany miafina rehetra sy ny fahavetavetany; ary raha tsy mibebaka izy dia ^bhamongotra azy eto ambonin' ny tany Aho; ary hoentiko eo amin' ny mazava ny tsiambaratelon' sy ny fahavetavetany rehetra, eo amin' ny firenena tsirairay izay hizaka ny tany rahatrizay.

26 Ary ankehitriny anaka, dia hitantsika fa tsy nibebaka izy; noho izany dia efa nofongorana izy, ary efa tanteraka ny tenin' Andriamanitra hatrizao; eny, ny fahavetavetany miafina dia efa navoaka avy tao amin' ny maizina sy nampahalalaina antsika.

27 Ary ankehitriny anaka, dia mandidy anao aho ny hitananao ny fianianany rehetra sy ny dinany ary ny fifanekeny tao amin' ny fahavetavetany miafina; eny, ary ny ^afifamantarany rehetra sy ny zava-mahagagany dia ianao no hitana azy ireny tsy ho hitan' ity vahoaka ity mba tsy hahafantarany azy ireny, fandrao ho lavo ao amin' ny haizina koa izy ka hofongorana.

28 Fa indro, misy ^aozona iray eo amin' ity tany manontolo ity, ka ny famongorana dia ho tonga amin' ireo rehetra mpiasan' ny maizina, araka ny herin' Andriamanitra, rehefa masaka tanteraka tokoa izy ireo; koa

21a Etera 1:1–5.

b TSM Tsikombakomba
Miafina.

d TSM Orima sy

Tomima.

23a Môsià 8:13.

25a F&F 88:108–110.

b Môsià 21:26.

27a Hel. 6:22.

28a Almà 45:16;
Etera 2:7–12.

iriako ny tsy hahazoana mamongotra ity vahoaka ity.

29 Koa dia hitana ireo tetika manginan' ny "fianianany sy ny dinany tsy ho hitan' ity vahoaka ity ianao, ary ny faharatsiany sy ny famonoany olona ary ny fahavetavetany ihany no hampahalalainao azy; ary hampianarinao azy ny ^bhankahala ny faharatsiana sy ny fahavetavetana ary ny famonoana olona toy izany; ary hampianarinao azy koa fa ireo olony ireo dia nofongorana noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany ary ny famonoany olona.

30 Satria indro, novonoiny ny mpaminanin' ny Tompo rehetra izay tonga teo anivony mba hilaza aminy ny momba ny helony; ary ny ran' ireo izay novonoiny dia niantso ny Tompo Andriamaniny hamaly faty amin' ireo izay mpamono azy ireo; ary dia toy izany no nahatongavan' ny famalian' Andriamanitra tamin' ireo mpiasan' ny maizina sy ny tsikombakomba mifaina ireo.

31 Eny, ary hozonina mandrakizay mandrakizay anie ny tany ho an' ireo mpiasan' ny maizina sy ny tsikombakomba mifaina ireo, na dia hatrany amin' ny famongorana aza, raha tsy mibabaka izy ireo mialohan' ny hahamasaka azy ireo tanteraka.

32 Ary ankehitriny anaka, tsarovy ny teny izay efa noteneriko taminao; aza ankinina amin'

ity vahoaka ity ireo tetika mifaina ireo fa ampianaro azy kosa ny "fankahalana maharitra mandrakizay ny fahotana sy ny heloka.

33 "Torio aminy ny fibebahana sy ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo; ampianaro izy hanetry ny tenany sy ho ^bmalemy paika ary hietry am-po; ampianaro izy hanohitra ny "fakam-panahy rehetra avy amin' ny devoly amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo.

34 Ampianaro izy tsy ho sasatra na oviana na oviana amin' ny asa soa, fa ny ho malemy paika sy ny hietry am-po kosa; fa ny toa azy no hahita "fitsaharana ho an' ny fanahiny.

35 Ô tsarovy anaka, ary mianara "fahendrena amin' ny fahatanoranao; eny, mianara ny hitandrina ny didin' Andriamanitra amin' ny fahatanoranao.

36 Eny, ary "italahoy Andriamanitra ho an' ny fivelomanao rehetra; eny, aoka ny ataonao rehetra mba ho an' ny Tompo, ary na aiza na aiza alehanao, aoka mba ho ao amin' ny Tompo izany; eny, aoka ny eritreritrao rehetra hafantoka amin' ny Tompo; eny, aoka ny fitiavan' ny fonao hapetraka amin' ny Tompo mandrakizay.

37 "Milà hevitra amin' ny Tompo amin' ny ataonao rehetra dia hotarihin' ny amin' ny tsara ianao; eny, rehefa mandry ianao amin' ny alina, mandria

29a Hel. 6:25.
b Almà 13:12.
32a 2 Ne. 4:31.
33a TSM Mitory.

b TSM Halemem-panahy.
d TSM Fakam-panahy.
34a Sal. 37:4–7;

Mat. 11:28–30.
35a TSM Fahendrena.
36a TSM Vavaka.
37a Jakôba 4:10; F&F 3:4.

ao amin' ny Tompo, mba hahazoany miambina anao ao amin' ny torimasonao; ary rehefa miarina ianao amin' ny maraina, aoka ny fonao ho feno ^bfisaorana an' Andriamanitra; ary raha manao ireo zavatra ireo ianao, dia hasandratra ianao amin' ny andro farany.

38 Ary ankehitriny anaka, dia somary manan-kolazaina ihany aho momba ilay zavatra izay antsoin' ny razantsika hoe bola, na mpitari-dàlana — na izay nantsoin' ny razantsika hoe “Liahônà, izany hoe raha adika dia kompà; ary ny Tompo no nanomana izany.

39 Ary indro, tsy misy olona hahavita taozavatra araka izany fahaizana asa kanto loatra izany. Ary indro, izany dia nomanina mba hampisehoana amin' ny razantsika ny lalana tokony halehany any an-tany foana.

40 Ary izany dia niasa ho azy araka ny “finoany an' Andriamanitra; noho izany, raha nana finoana izy mba hino fa Andriamanitra dia afaka manao izay hanondroan' ireo sahaza ireo ny lalana tokony hizorany, dia indro, to izany; noho izany izy dia nahazo ity zava-mahagaga ity, ary zava-mahagaga maro hafa koa no notontosain' ny herin' Andriamanitra isan' andro isan' andro.

41 Kanefa, satria ireo zava-mahagaga ireo dia notontosaina tamin' ny alalan' ny “fitaovana madinika, izany dia nampiseho

asa mahatalanjona taminy. Raha kamo izy ka nanadino ny nampihatra ny finoany sy ny fahazo-toany, tamin' izay dia nitsahatra ireo asa mahatalanjona ireo, ary dia tsy nandroso izy tamin' ny diany;

42 Noho izany, dia nitaredretra tany an-tany foana izy, na tsy nandeha tamin' ny lalana mahitsy, ary nampahorian' ny hanoanana sy ny hetaheta, noho ny fandikany lalàna.

43 Ary ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hahatakaranao fa ireo zavatra ireo dia tsy misaraka amin' ny tandindona; fa raha nalaina ny razantsika ny hanome lanja ity kompà ity (ankehitriny, ireo zavatra ireo dia araka ny nofo), dia tsy nandroso izy; dia toy izany koa ny momba ny zavatra izay ara-panahy.

44 Fa indro, toy ny mahamora ny fanomezana lanja ny “tenin' i Kristy, izay hanoro anao ny lalana mahitsy mankany amin' ny fahasambarana mandrakizay, dia toy izany koa ho an' ny razantsika ny fanomezana lanja ity kompà ity izay nanoro azy ny lalana mahitsy mankany amin' ny tany nampanantenaina.

45 Ary ankehitriny dia lazaiko, moa va tsy misy tandindona amin' izany zavatra izany? Fa toy ny nitondran' io mpitari-dalana io marina tokoa ny razantsika, tamin' ny fanarahana ny torolalany mankany amin' ny tany nampanantenaina, dia toa izany koa ireo tenin' i Kristy, raha

37b F&F 46:32.

38a 1 Ne. 16:10; 18:12;
F&F 17:1.

40a 1 Ne. 16:28.

41a Almà 37:6–7.
44a Sal. 119:105;

1 Ne. 11:25;

Hel. 3:29–30.

manaraka ny lâlany isika dia hitondra antsika any ankoatr' ity lohasahan' alahelo ity izany hankany amin' ny tany nampantanaina tsara lavitra.

46 Ô Ry zanako, aoka isika tsy ho "kamo noho ny fahamoran' ny ^blalana; fa toy izany tamin' ny razantsika; satria efa nomani-na ho azy izany, ka raha mijery izy dia mety ho ^dvelona; dia torak' izany koa amintsika. Efa voaomana ny lalana, ary raha mijery isika dia mety ho velona mandrakizay.

47 Ary ankehitriny anaka, dia ataovy izay hikorakoranao ireo zava-masina ireo, eny, ezaho izay hijerenao an' Andriamanitra ka ho velona. Mandehàna any amin' ity vahoaka ity ary lazao ny teny, ary aoka ho mahonon-tena. Veloma, anaka.

Ny didin' i Almà tamin' i Siblôna zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 38.

TOKO 38

Nenjehina i Siblôna noho ny fahamarinana — Ny famonjena dia ao amin' i Kristy, izay fiainana sy fahazavan' izao tontolo izao — Fehezo ny filânareo rehetra. Tokony ho 74 talohan' i J.k.

ANAKA, mampandria sofina

amin' ny teniko, satria lazaiko aminao toy izay nolazaiko tamin' i Helamàna, fa arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboa-nao eo amin' ny tany; ary arakaraka ny tsy hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hanesorana anao tsy ho eo anatrehany.

2 Ary ankehitriny anaka, matoky aho fa izaho dia hanampifaliana lehibe aminao, noho ny fiorenanao sy ny fahatokiana an' Andriamanitra; fa toy ny efa nanombohanao niandrindra ny Tompo Andriamanitrao tamin' ny fahatanoranao, dia toy izany no anantenako fa "hotohizanao ny fitandremana ny didiny; satria hotahiana izay ^bmaharitra hatramin' ny farany.

3 Lazaiko aminao anaka fa efa nanam-pifaliana lehibe taminao sahady aho, noho ny fahatokiana sy ny fahazotoanao, ary ny faharetanao sy ny fahari-ponao teo anivon' ny vahoakan' ny ^aZôramita.

4 Satria fantatro fa efa tao anatin' ny fatotra ianao; eny, ary fantatro koa fa notoraham-bato ianao noho ny teny; ary nozakainao ^atamim-paharetana ireo zavatra rehetra ireo, satria ^bnomba anao ny Tompo; ary ankehitriny fantatrao fa ny Tompo no nanafaka anao.

5 Ary ankehitriny ry Siblôna zanako, dia mba tiako ny hahatsiarovanao fa arakaraka ny

46a 1 Ne. 17:40–41.

b Jao. 14:5–6;

2 Ne. 9:41; 31:17–21;

F&F 132:22, 25.

d Jao. 11:25; Hel. 8:15;

3 Ne. 15:9.

38 2a Almà 63:1–2.

b 2 Ne. 31:15–20;

3 Ne. 15:9; 27:6, 16–17.

3a Almà 31:7.

4a TSM Faharetana.

b Roma. 8:35–39.

hametrahanao ny "tokinao ao amin' Andriamanitra, dia arakarakana izany koa no ^bhanafahana anao amin' ny fizahan-toetra anao sy ny ^ffahasahirananao ary ny fahorianao, ary hasandratra ianao amin' ny andro farany.

6 Ankehitriny anaka, dia tsy mba tiako ny hiheveranao fa mahalala ireo zavatra ireo avy amin' ny tenako aho, fa ny Fanahin' Andriamanitra kosa izay ato amiko no mampahalala ahy ireo zavatra ireo; fa raha tsy efa "naterak' Andriamanitra aho dia tsy ho nahalala ireo zavatra ireo.

7 Nefa indro, ny Tompo tao amin' ny famindram-pony lehibe dia nandefa ny "anjeliny mba hanambara amiko fa tsy maintsy atsahatro ny asa ^bfamongorana eo anivon' ny olony; eny, ary efa nahita anjely iray nifanatri-maso tamiko aho, ary niresaka tamiko izy, ary ny feony dia toy ny kotro-baratra, ary nanozongozona ny tany manontolo izany.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandritra ny telo andro sy telo alina aho no tao anatin' ny fanaintainana sy ny fangirifirian' ny fanahy mangidy indrindra; ary na oviana na oviana, ambara-pitalahoako tamin' i Jesoa Kristy Tompo hamindra fo, dia tsy nandray ny "famelana ny fahotako aho. Nefa indro, nita-

laho Taminy aho ka dia nahita fiadanana ho an' ny fanahiko.

9 Ary ankehitriny anaka, dia efa nolazaiko anao izany mba hahazoanao mianatra fahendrena, mba hahazoanao mianatra amiko fa "tsy misy lalan-kafa na fomba izay ahafahana mamonjy ny olona afa-tsy ao amin' i Kristy sy amin' ny alalany. Indro, Izy no fiainana sy ^bfahazavan' izao tontolo izao. Indro, Izy no tenin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana.

10 Ary ankehitriny, toy ny efa nanombohanao nampianatra ny teny, dia toy izany koa no mba tiako ny hanohizanao mampianatra; ary mba tiako ianao ho mazoto sy ho mahonon-tena amin' ny zava-drehetra.

11 Ezaho izay tsy hanandratanao tena ao amin' ny avonavona; eny, ataovy izay tsy "hireharehanao amin' ny fahendrenao na amin' ny herinao fatratra.

12 Mampiasà fahasahiana fa tsy fianjonanjonana; ary ataovy koa izay hifehezanao ny filanao rehetra mba hahatonga anao ho feno fitiavana; ataovy izay hifadianao ny fidonanaham-poana.

13 Aza mivavaka toy ny ataon' ny Zôramita, satria efa hitanao fa mivavaka izy mba ho ren' ny olona sy hoderaina noho ny fahendreny.

14 Aza milaza hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa izahay dia "tsaratsara kokoa

5a Almà 36:27.
TSM Matoky.
b Mat. 11:28-30.
d F&F 3:8; 121:7-8.
6a Almà 36:26;
F&F 5:16.

TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.
7a Môsià 27:11-17.
b Almà 26:17-18;
36:6-11.
8a TSM Famelana ny

Fahotana.
9a Hel. 5:9.
b Môsià 16:9.
11a TSM Fiavonavonana.
14a Almà 31:16.

noho ny rahalahinay; fa lazao kosa hoe: Tompo ô, mamelà ny ^btsy fahamendrehako, ary tsarovy ao amin' ny famindram-po ny rahalahiko—eny, ekeo ny tsy famendrehanao eo anoloan' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra.

15 Ary engà anie ny Tompo ka hitahy ny fanahinao sy handray anao ao amin' ny fanjakany amin' ny andro farany mba hipetraka amim-piadanana. Ankehitriny, mandehàna anaka ary ampianaro amin' ity vahoaka ity ny teny. Aoka ho mahonon-tena. Veloma, anaka.

Ny didin' i Almà tamin' i Kôriantôna zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 39 ka hatramin' ny 42 manontolo.

TOKO 39

Fahavetavetana ny firaisana aranofo—Nisakana ny Zôramita tsy handray ny teny ny fahotan' i Kôriantôna—Ny fanavotan' i Kristy dia mihatra amin' ny lasa ho famonjena ireo nahatoky izay niaina talohan' izany. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny anaka, somary manan-kolazaina anao misimisy kokoa aho noho izay nolazaiko tamin' ny rahalahinao; fa indro, moa tsy efa nomarihinanao va ny

fiorenan' ny rahalahinao, ny fahatokiany ary ny fahazotoany tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra? Indro, moa va izy tsy efa nampiseho ohatra tsara taminao?

2 Fa tsy nomenao lanja firy ny teniko toy ny nataon' ny rahalahinao teo anivon' ny vahoakan' ny “Zôramita. Ankehitriny dia izao no anomezako tsiny anao: ianao dia nanohy ny fireharehanao tamin' ny herinao sy ny fahendrenao.

3 Ary tsy izay ihany, anaka, ianao dia nanao izay nampahalaho ahy; fa nafaoinao ny asa fanompoana ary nandeha nan-kany an-tanin' i Sirôna ianao, tany amin' ny faritry ny sisintanin' ny Lamanita ianao, nana-raka an' i Isabela, ilay “vehivavy janga.

4 Eny, “naka ny fon' ny maro izy; nefa tsy fialan-tsiny ho anao izany, anaka. Ianao dia tokony ho nikarakara ny asa fanompoana izay nankinina taminao.

5 Tsy fantatrao va, anaka, fa “ireny zavatra ireny dia fahavetavetana eo imason' ny Tompo; eny, tena fahavetavetana indrindra noho ny fahotana rehetra, afa-tsy ny fandatsahana ny ran' ny tsy manan-tsiny, na ny fandavana ny Fanahy Masina?

6 Satria indro, raha “mandà ny Fanahy Masina ianao rehefa nahazo toerana tao aminao Izy, ary fantatrao fa mandà Azy ianao dia indro, izany dia faho-

14b Lio. 18:10–14.

39 2a Almà 38:3.

3a TSM Manarana ny

Filan' ny Nofo.

4a Ohab. 7:6–27.

5a TSM Fitondrantena

Maloto.

6a F&F 76:35–36.

tana izay ^btsy azo ivalozana; eny, ary na zovy na zovy no mamono olona manohitra ny fahazavana sy ny fahalalan' Andriamanitra dia tsy mora ho azy ny mahazo ^afamelana; eny, lazaiko aminao, anaka, fa tsy mora ho azy ny mahazo famelana.

7 Ary ankehitriny anaka, dia iriko amin' Andriamanitra ianao mba tsy ho "meloka amin' izany heloka lehibe loatra izany. Tsy ho nivalampatra tamin' ny helokao aho, mba handrotidrotika ny fanahinao, raha tsy noho izay mahasoanao.

8 Nefa indro, tsy afaka manafina ireo helokao amin' Andriamanitra ianao; ary raha tsy mibebaka ianao dia hijoro toy ny vavolombelona ireny hanohitra anao amin' ny andro farany.

9 Ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hibe-bahanao sy hamoizanao ny fahotanao ary tsy handehananao intsony araka ny ^afitsiriritan' ny masonao, fa ^blavo amin' ny tenanao kosa ireny zavatra rehetra ireny; fa raha tsy manao izany ianao dia tsy afaka mandova mihitsy ny fanjakan' Andriamanitra. Ô tsarovy sy raiso ho adidinao izany ary lavo amin' ny tenanao ireny zavatra rehetra ireny.

10 Ary mandidy anao aho mba horaisinao ho adidy ny hila hevitra amin' ireo zokinao mirahalahy amin' ny ataonao; fa indro, ao amin' ny fahatanoranao

ianao, ary ilainao ny hofahanan' ny rahalahinao. Ary omeo lanja ny toroheviny.

11 Aza avela ho voatariky ny zava-poana sy tsy misy fotony ny tenanao; aza avela hitarika ny fonao indray ny devoly hanaraka ireo vehivavy janga ratsy ireo. Indro, anaka, ity heloka lehibe nentinao teo amin' ny ^aZôramitaiky; fa rehefa hitany ny ^bfitondran-tenanao dia tsy nety nino ny teniko izy.

12 Ary ankehitriny, ny Fana-hin' ny Tompo dia milaza amiko hoe: "Didio ny zanakao hanao ny tsara, fandrao hotarihiny ny fon' ny olona maro hankany amin' ny famongorana; noho izany aho dia mandidy anao anaka, noho ny fahatahorana an' Andriamanitra ny hitsaharanao amin' ny helokao;

13 Ny hitodihanao amin' ny Tompo amin' ny sainao, ny herinao ary ny tanjakao rehetra; ny tsy hitarihanao intsony ny fon' ny olona hanao ny ratsy; fa ny hiverenanao aminy kosa, ka ^ahiekenao ny fahadisoanao sy ity ratsy izay efa nataonao.

14 Aza ^amikatsaka ny harena na ny zava-poanan' izao ton-tolo izao; fa indro, tsy afaka mitondra ireny miaraka aminao ianao.

15 Ary ankehitriny anaka, dia somary mba te hilaza aminao ihany aho ny momba ny fiavian' i Kristy. Indro, lazaiko aminao,

6b TSM Fahotana Tsy
Ahazoana Famelana.
d F&F 64:10.
TSM Mamela.
7a TSM Heloka.
9a TSM Ara-nofo.

b 3 Ne. 12:30.
11a Almà 35:2-14.
b Roma. 2:21-23;
14:13; Almà 4:11.
12a TSM Didin'
Andriamanitra;

Mampianatra.
13a Môsîà 27:34-35.
14a Mat. 6:25-34;
Jakôba 2:18-19;
F&F 6:6-7; 68:31-32.

TOKO 40

fa Izy no ho avy marina tokoa hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao; eny, tonga Izy hilaza vaovao mahafaly momba ny famonjena ny olony.

16 Ary ankehitriny anaka, dia izany no asa fanompoana izay efa niantsoana anao, dia ny hilaza ireo vaovao mahafaly ireo amin' ity vahoaka ity mba hanomana ny sainy; na ny marimarina kokoa, fa ny famonjena dia mety ho tonga aminy mba hahazoany manomana ny sain' ny "zanany handre ny teny amin' ny fotoana hiaviany.

17 Ary ankehitriny dia somary hanamaivana ny sainao ihany aho ny amin' izay toe-javatra izay. Indro, gaga ianao hoe, nahoana ireo zavatra ireo no tokony ho fantatra elabe mialoha. Indro, lazaiko aminao, moa va ny fanahy iray tsy sarobidy amin' Andriamanitra amin' izao fotoana izao, toy ny haha-sarobidy ny fanahy iray koa amin' ny fotoana hiaviany?

18 Moa va tsy ilaina ny tokony hampahafantarana ny drafitry ny fanavotana amin' ity vahoaka ity ary amin' ny zanany koa?

19 Moa va tsy mora amin' ny Tompo ny mandefa ny anjeliny amin' izao fotoana izao hilaza ireo vaovao mahafaly ireo amin-tsika, na koa amin' ny zanatsika, na koa aorian' ny fotoana hiaviany?

Manatanteraka ny fitsanganan' ny olon-drehetra amin' ny maty i Kristy—Ny marina izay nodimandry no mandeha any am-paradisa, ary ny ratsy any amin' ny haizina ivelany, mba hiandry ny andron' ny fitsanganany amin' ny maty—Haverina amin' ny endriny tsirairay avy sy tomombana ny zava-drehetra amin' ny fitsanganana amin' ny maty. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY anaka dia indro somary mbola misy ihany ny tiako holazaina anao; satria takatro fa very hevitra ny sainao momba ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty.

2 Indro, lazaiko aminao fa tsy misy ny fitsanganana amin' ny maty—na, raha lazaiko amin' ny teny hafa fa ity mety maty ity dia tsy mitafy ny "tsy fahafatesana, ity fahalòvana ity dia tsy ^bmitafy ny tsy fahalòvana—^araha tsy aorian' ny fiavian' i Kristy.

3 Indro, Izy no manatanteraka ny "fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty. Nefa indro, anaka, ny fitsanganana amin' ny maty dia tsy mbola izao tsy akory. Ankehitriny, dia amela-belatra mistery anankiray aminao aho; kanefa dia misy maro ny ^bmistery izay ^dtehirizina, izay tsy misy mahalala afa-tsy Andriamanitra ihany. Nefa asehoko

16a TSM Fianakaviana—
Ireo andraikitra ny
ray aman-dreny.
40 2a Mòsia 16:10–13.

TSM Tsy Fahafatesana.
b 2 Tan. 15:53–54.
d 2 Tan. 15:20.
3a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.
b TSM Misterin'
Andriamanitra.
d F&F 25:4; 124:41.

anao ny zavatra iray izay efa nanadinako an' Andriamanitra tamim-pahazotoana tokoa halalako—izany dia ny momba ny fitsanganana amin' ny maty.

4 Indro, misy ny fotoana voatondro izay "hitsanganan' ny rehetra amin' ny maty. Ankehitriny, rahoviana no tonga izany fotoana izany, tsy misy mahalala; fa Andriamanitra no mahalala ny fotoana izay efa voatondro.

5 Ankehitriny, na hisy fotoana iray, na "fotoana faharoa, na fotoana fahatelo izay hitsanganan' ny olona amin' ny maty, dia tsy mampaninona izany; fa Andriamanitra no ^b mahalala ireo zavatra rehetra ireo; ary ampy ho ahy ny mahalala fa izay no toe-javatra—fa misy ny fotoana voatondro izay hitsanganan' ny rehetra amin' ny maty.

6 Ankehitriny dia tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fotoana manelanelana ny fotoana ahafatesana sy ny fotoan' ny fitsanganana amin' ny maty.

7 Ary ankehitriny dia te hana-dina aho hoe inona no manjo ny "fanahin' ny olona hatramin' ny fotoana ahafatesana ka hatramin' ny fotoana voatondro ho fitsanganana amin' ny maty?

8 Ankehitriny, na misy mihoatra ny iray aza ny fotoana voatondro ho an' ny olona mba hitsanganana, dia tsy mampaninona izany; fa ny rehetra dia tsy maty indray mandeha, ary

tsy mampaninona izany; ny rehetra dia toy ny indray andro amin' Andriamanitra, ary ho an' ny olona ihany no refesina ny fotoana.

9 Noho izany dia misy ny fotoana voatondro ho an' ny olona izay hitsanganany amin' ny maty; ary misy fotoana manelanelana ny fotoana ahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty. Ary ankehitriny, momba ity elanelam-potoana ity, izay manjo ny fanahin' ny olona no zavatra izay efa nanadinako ny Tompo tamin' ny fahazotoana tokoa mba ho fantatra; ary izao no zavatra izay fantatro.

10 Ary rehefa tonga ny fotoana izay hitsanganan' ny rehetra, amin' izay dia ho fantany fa Andriamanitra dia mahalala ny "fotoana izay voatondro ho an' ny olona.

11 Ankehitriny, raha ny momba ny toetry ny fanahy eo anelanelan' ny "fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty—Indro, izany dia efa nampahalalain' ny anjely iray ahy, satria ny fanahin' ny olon-drehetra, raha vantany vao miala ity vatana mety maty ity, eny, ny fanahin' ny olon-drehetra, na tsara izy na ratsy, diaentina ^b mody any amin' Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy.

12 Ary amin' izany ny zavatra hitranga, ny fanahin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny

4a Jao. 5:28–29.

5a Môsià 26:24–25;

F&F 43:18; 76:85.

^b TSM Andriamanitra.

7a Almà 40:21; F&F 138.

TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy).

10a Asa 17:26.

11a Lio. 16:22–26;

1 Pet. 3:18–19; 4:6;

F&F 76:71–74; 138.

^b Mpito. 12:7;

2 Ne. 9:38.

toetry ny “fahasambarana izay antsoina hoe ^bparadisa, dia ny toetry ny “fitsaharana, ny toetry ny “fiadanana izay hialany sasatra amin’ ny fahasahiranana rehetra sy ny fiahiahiana rehetra ary ny alahelo.

13 Ary amin’ izany ny zavatra hitranga, ny fanahin’ ny olondratsy, eny, izay mamohetrana — fa indro, tsy manana anjara na ampahany amin’ ny Fanahin’ ny Tompo izy; satria indro, nofidiany ny asa mamohetrana toy izay ny tsara; noho izany dia nidiran’ ny fanahin’ ny devoly tao aminy ary noraisiny ny fizakana ny tranony—ary hatsipy any amin’ ny “haizina ivelany izy; hisy ^bfitomaniana, sy fidradradradrana ary fiki-troha-nify, ary izany dia noho ny helony ihany, rehefa nentin’ ny sitrapon’ ny devoly ho babo.

14 Ankehitriny, dia izany no toetry ny fanahin’ ny “ratsy, eny, ao amin’ ny haizina sy ny toetra mahatsiravina, ^bfenô tahotra, eo am-piandrandrana ny fahatezerana mirehitra sy ny fisafoahan’ Andriamanitra aminy; dia toy izany no ijanonany ao amin’ izany ^dtoetra izany, toy ny marina ao amin’ ny paradisa, ambara-pahatongan’ ny fotoan’ ny fitsanganany amin’ ny maty.

15 Ankehitriny, misy ny sasany izay efa nahatakatra fa izany toetry ny fahasambarana sy izany toetry ny fahorian’ ny fanahy

mialohan’ ny fitsanganana amin’ ny maty izany no fitsanganana amin’ ny maty voalohany. Eny, ekeko fa azo antsoina ho fitsanganana amin’ ny maty, ny fitsanganan’ ny fanahy na ny ambiroa sy ny fametrahana ireo ao amin’ ny fahasambarana na fahoriana, araka ny teny izay efa voalaza.

16 Ary indro, efa voalaza koa fa misy ny “fitsanganana amin’ ny maty ^bvoalohany, dia fitsanganan’ ireo rehetra izay efa nisy na izay misy, na izay hisy amin’ ny maty, hatreo amin’ ny fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty.

17 Ankehitriny, dia tsy heverintsika fa ity fitsanganana amin’ ny maty voalohany ity, izay lazaina araka ity fomba ity, no mety ho ilay fitsanganan’ ny fanahy amin’ ny maty sy ny “fametrahana azy ao amin’ ny fahasambarana na ny fahantrana. Tsy azonao heverina fa izay no tian’ izany holazaina.

18 Indro, lazaiko aminao, Tsia; fa ny tian’ izany holazaina kosa dia ny fikambanan’ ny fanahy amin’ ny vatana, an’ ireo izay hatramin’ ny andron’ i Adama ka hatreo amin’ ny “fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty.

19 Ankehitriny, raha toa ka ny fanahy sy ny vatan’ ireo izay efa voatonona ireo dia hakambana eo noho eo, ny ratsy tahaka ny marina, dia tsy lazaiko; aoka ho ampy ny ilazako fa hitsangana

12a TSM Fifaliana.
b TSM Paradisa.
d TSM Fitsaharana.
e F&F 45:46.
TSM Fiadanana.
13a TSM Helo.

b Mat. 8:12;
Môsià 16:2.
14a F&F 138:20.
b Jakôba 6:13;
Mos. 7:1.
d Almà 34:34.

16a TSM Fitsanganana
amin’ ny Maty.
b Jakôba 4:11;
Môsià 15:21–23.
17a F&F 76:17, 32, 50–51.
18a Mat. 27:52–53.

izy rehetra ireo; na amin' ny teny hafa, ny fitsanganany amin' ny maty dia mitranga "mialohan' ny fitsanganany ireo izay maty taorian' ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty.

20 Ankehitriny anaka, dia tsy milaza aho fa ny fitsanganany amin' ny maty dia mitranga amin' ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty; nefa indro, lazaiko izao ho toy ny hevitra, fa ny fanahy sy ny vatan' ny marina dia hakambana amin' ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty sy ny "fiakarany any an-danitra.

21 Nefa na amin' ny fitsanganany amin' ny maty izany, na aoriana, dia tsy lazaiko; fa izao ihany no lazaiko, fa misy "fotoana manelanelana ny fahafatesana sy ny fitsanganan' ny vatana amin' ny maty sy ny toetry ny fanahy ao amin' ny ^bfahasambarana, na ao amin' ny ^afahoriana mandra-pahatongan' ny fotoana izay efa voatondron' Andriamanitra fa hitsanganan' ny nodimandry, ka hakambana ny fanahy sy ny vatana, ary ^choentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra sy hotsaraina araka ny asany.

22 Eny, izany no hahatanteraka ny famerenana amin' ny laoniny ireo zavatra ireo izay efa nolazain' ny mpaminany.

23 Ny ^afanahy dia ^bhaverina amin' ny ^avatana ary ny vatana amin' ny fanahy; eny, ary ny ratsam-batana tsirairay sy ny

vaniny dia haverina amin' ny vatany; eny, na dia singam-bolo iray amin' ny loha aza dia tsy ho very; fa haverina amin' ny endriny tsirairay avy sy tomombana ny zava-drehetra.

24 Ary ankehitriny anaka, dia izany no famerenana amin' ny laoniny izay efa "nolazain' ny vavan' ny mpaminany —

25 Ary amin' izany ny marina dia hamirapiratra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

26 Nefa indro, "fahafatesana mahatsiravina no tonga amin' ny olon-dratsy; satria maty izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny zavatra ny fahamari-nana; fa tsy madio izy ary ny zavatra ^btsy madio dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra; fa ariana any ivelany kosa izy ary ahiboka mba hihi-nana ny vokatra ny asany na ny raharahany, izay efa namohehatra; ary misotra ny faikany amin' ny kapoaka mangidy izy.

TOKO 41

Mitsangana ho amin' ny toetry ny fahasambarana tsisy farany na fahoriana tsisy farany ny olona amin' ny fitsanganana amin' ny maty — Tsy fahasambarana na oviana na oviana ny faharatsiana — Ny olon' ny nofo dia tsy manana an' Andriamanitra eo amin' izao tontolo izao — Amin' ny famere-

19a Mòsià 15:26.

20a TSM Fiakarana.

21a Lio. 23:39–43.

^b TSM Paradisa.

^d TSM Helo.

^e Almà 42:23.

23a IE Fanahy.

F&F 88:15–17.

TSM Fanahy (Fitambaran'ny Vatana sy ny Fanahy).

^b 2 Ne. 9:12–13;

Almà 11:40–45.

^d TSM Vatana.

24a Isa. 26:19.

26a 1 Ne. 15:33;

Almà 12:16.

^b Almà 11:37.

nana amin' ny laoniny, ny olona tsirairay dia mandray indray ny endrika sy ny toetra nananany tamin' ny fiainana mety maty. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny anaka, dia somary manan-kolazaina ihany aho momba ny famerenana amin' ny laoniny izay efa voateny; fa indro, efa "naolan' ny sasany ny soratra masina, ka efa ^bnaniaisia izy noho izany zavatra izany. Ary takatro fa efa sahirana koa ny sainao momba izany zavatra izany. Nefa indro, ho-hazavaiko anao izany.

2 Lazaiko aminao anaka, fa ny drafitry ny famerenana amin' ny laoniny dia ilaina araka ny fahamarinan' Andriamanitra; fa ilaina ny tokony hamerenana ny zava-drehetra amin' ny laminy tsirairay avy. Indro, ilaina sy rariny, araka ny hery sy ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty, ny tokony hamerenana ny fanahin' ny olona amin' ny vatany, ary ny "ratsam-batana tsirairay dia tokony haverina aminy ihany.

3 Ary ilaina araka ny "fahamarinan' Andriamanitra ny tokony ^bhitsarana ny olona araka ny ^dasany; ary raha tsara ny asany teo amin' izao fiainana izao ary tsara ny fanirian' ny fony, dia tokony "haverina amin' izay tsara koa izy amin' ny andro farany.

4 Ary raha ratsy ny asany, dia "haverina ratsy aminy izany. Noho izany, ny zava-drehetra dia haverina amin' ny laminy tsirairay avy, ny zavatra tsirairay ho amin' ny firafiny voajanahary—ny ^bmety maty atsangana ho tsy mety maty, ny ^dfahalòvana ho tsy fahalòvana—atsangana ho amin' ny "fahasambarana tsisy fiafarany mba handova ny fanjakan' Andriamanitra, na ho amin' ny fahoriana tsisy fiafarany mba handova ny fanjakan' ny devoly, ny iray amin' ny an-daniny, ny hafa amin' ny ankilany—

5 Ny iray atsangana ho amin' ny fahasambarana araka ny faniriany fahasambarana, na tsara araka ny faniriany ny tsara; ary ny hafa ho amin' ny ratsy araka ny faniriany ny ratsy; fa tahaka ny efa naniriany ny hanao ratsy nandritra ny manontolo andro dia tahaka izany no hananany loka ratsy rehefa tonga ny alina.

6 Ary dia toy izany koa amin' ny an-daniny. Raha efa nibebaka tamin' ny fahotany izy, sy naniry fahamarinana mandra-pahatapitry ny androny, dia toy izany no hamaliana azy fahamarinana.

7 "Izy ireo no ireo izay avotan' ny Tompo; eny, izy ireo no ireo izay alaina hivoaka, izay afahana amin' ny alin' ny haizina tsisy fiafarany; ary dia toy izany no ijoroany na ahalavoany; fa indro, izy ireo ihany no

41 1a 2 Pet. 1:20; 3:16;

Almà 13:20.

b TSM Apôstazia.

2a Almà 40:23.

3a TSM Fahamarinana.

b TSM Ampamoahina,

Ampamoaka; Fitsarana.

d TSM Asa.

e Hel. 14:31.

4a Almà 42:28.

b 2 Ne. 9:12-13;

F&F 138:17.

TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

d 2 Tan. 15:51-55.

e TSM Fiainana

Mandrakizay.

7a F&F 76:50-70.

^btompon' ny tenany na hanao ny tsara, na hanao ny ratsy.

8 Ankehitriny, ny didin' Andriamanitra dia “tsy azo ovaina; noho izany, voaomana ny lalana ka na zovy na zovy no tia izany dia mahazo mandeha aminy ary ho voavonjy.

9 Ary ankehitriny, indro anaka, aza mankahatra fanafintohinana “indray mandeha intsony hano-hitra an' Andriamanitrao amin' ireo lafiny amin' ny fotompampianarana ireo, izay efa nankaharanao hatramin' izao mba hahavitana fahotana.

10 Aza mihevitra, satria efa nolazaina ny momba ny famerenana amin' ny laoniny, fa ianao dia haverina avy amin' ny fahotana ho amin' ny fahasambarana. Indro, lazaiko aminao, ny “faharatsiana dia tsy fahasambaranana na oviana na oviana.

11 Ary ankehitriny anaka, ny olon-drehetra izay ao amin' ny “toetra voajanahary, na holazai-ko hoe, ao amin' ny ^btoetry ny nofo, dia ao amin' ny ngidin' ny afero sy ao amin' ny famatoran' ny heloka; “tsy manana an' Andriamanitra izy eo amin' izao tontolo izao, ary efa nandeha nanohitra ny toetran' Andriamanitra izy; noho izany, izy dia ao amin' ny toetra mifanohitra amin' ny toetry ny fahasambaranana.

12 Ary ankehitriny, indro, moa

ve ny hevitra ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny, dia ny fandraisana zavatra iray avy amin' ny toetrany voajanahary sy ny fametrahana izany ao amin' ny toetrany tsy voajanahary, na ny fametrahana izany eo amin' ny toetrany mifanohitra amin' ny toetrany voajanahary?

13 Ry anaka, tsy izay no fisehoan-javatra; fa ny hevitra ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny kosa dia ny famerenana indray ny ratsy ho amin' ny ratsy, na ny nofo ho amin' ny nofo, na ny avy amin' ny devoly ho amin' ny avy amin' ny devoly—ny tsara ho amin' izay tsara; ny rariny ho amin' izay rariny; ny hitsiny ho amin' izay hitsiny; ny feno famindram-po ho amin' izay feno famindram-po.

14 Noho izany anaka dia atao-vy izay hamindranao fo amin' ny rahalahinao; atao-vy araka ny “hitsiny, ^bmitsarà araka ny rari-ny ary manaova ny “tsara lalandava; ary raha ataonao ireo zavatra rehetra ireo, dia handray ny lokanao ianao amin' izany; eny, hanana ny “famin-dram-po averina aminao indray ianao; hanana ny hitsiny averina aminao indray ianao; hanana ny fitsarana ara-drariny averina aminao indray ianao; ary hanana ny tsara avaly anao indray ianao.

15 Fa izay alefanao any ivelany

7b 2 Ne. 2:26;
Almà 42:27;
Hel. 14:30.
TSM Safidy.
8a F&F 1:38.
9a F&F 42:23–28.
10a Sal. 32:10;

Isa. 57:20–21;
Hel. 13:38.
11a Môsia 3:19.
TSM Olona araka
ny Nofo.
b TSM Ara-nofa.
d Ef. 2:12.

14a TSM Fahamarinan-
toetra.
b Jao. 7:24;
F&F 11:12.
d F&F 6:13; 58:27–28.
e TSM Famindram-po.

no hiverina aminao indray sy haverina amin' ny laoniny; noho izany, ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny dia manameloka tanteraka kokoa ny mpanota, ary tsy manamarina azy mihitsy.

TOKO 42

Ny fiainana mety maty dia fotoana fizahan-toetra mba hahafahan' ny olona mibebaka sy manompo an' Andriamanitra — Nitondra ny fahafatesan' ny vatana sy ny fahafatesam-panahy tamin' ny olombelona rehetra ny Fahalavoana — Tonga tamin' ny alalan' ny fibebahana ny fanavotana — Izy Andriamanitra tenany no nanonitra ny fahotan' izao tontolo izao — Ho an' ireo izay mibebaka ny famindram-po — Ny hafa rehetra dia fehezin' ny fitsaran' Andriamanitra — Tonga noho ny Sorompanavotana ny famindram-po — Ny tena mivalo ihany no voavonjy. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny anaka, dia takatro fa somary misy ihany izay manahirana ny sainao, izay tsy mety azonao — dia ny momba ny “fahamarinan' Andriamanitra amin' ny famaizana ny mpanota; satria miezaka ianao ny hihevitra fa tsy rariny ny tokony hametrahana ny mpanota ao amin' ny toetry ny fahoriana.

2 Ankehitriny, indro, anaka, hohazavaiko anao izany zavatra izany. Fa indro, rehefa “nesorin'

ny Tompo Andriamanitra hiala ny saha ^bEdena ny ray amandrenintsika voalohany, mba hiasa ny tany izay nanalana azy — eny, noroahiny ny olona hiala, ary nampitoeriny tany amin' ny farany atsinanan' ny saha Edena ny “kerobima sy ny lelafon-tsabatra izay nihebiheby tamin' ny lafiny rehetra mba hiambina ilay ^chazon' aina —

3 Ankehitriny, hitantsika fa ny olona dia efa tonga tahaka an' Andriamanitra, mahalala ny tsara sy ny ratsy; ary andrao haninjitra ny tanany izy ary haka koa amin' ny hazon' aina sy hihinana ary ho velona mandrakizay, dia nampitoerin' ny Tompo Andriamanitra ny kerôbima sy ny lelafon-tsabatra, mba tsy hihinanany amin' ny voa —

4 Ary dia toy izany no ahitan-tsika, fa nisy fotoana nomena ny olona hibebehana, eny, fotoana “fizahan-toetra, dia fotoana hibebehana sy hanompoana an' Andriamanitra.

5 Satria indro, raha toa naninjitra ny tanany avy hatrany i Adama ka nihinana tamin' ny hazon' aina, dia ho niaina mandrakizay izy araka ny tenin' Andriamanitra, tsy nanana fotoana mba hibebehana; eny, ary ny tenin' Andriamanitra koa dia ho efa foana, ary ny drafitra lehiben' ny famonjena dia ho efa voasampona.

6 Nefa indro, efa notinendry ho an' ny olona ny ho “faty —

42 1a 2 Ne. 26:7;
Môsià 15:26–27.
TSM Fahamarinana.
2a Gen. 3:23–24;

Mos. 4:28–31.
b TSM Edena.
d TSM Kerobima.
e Gen. 2:9.

4a Almà 34:32–33.
6a TSM Fahafatesan' ny
Vatana.

koa satria efa nesorina hiala ny hazon' aina izy, dia tokony hoesorina hiala eto ambonin' ny tany—ary nanjary very mandrakizay ny olona, eny, nanjary olona ^blavo izy.

7 Ary ankehitriny, hitanao amin' izany fa ny ray aman-drenintsika voalohany dia “nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo na ny vatany na ny fanahiny; ary dia toy izany no ahitantsika fa nanjary voafehy hanaraka ny ^bsitrapony ihany izy ireo.

8 Ankehitriny indro, tsy nilaina ny hamonjena ny olona tamin' izany fahafatesan' ny vatana izany, satria ho nandrava ny “drafitra lehiben' ny fahasam-barana izany.

9 Koa satria tsy mety maty na oviana na oviana ny fanahy, ary ny “fahalavoana dia efa nitondra tamin' ny olombelona rehetra ny fahafatesam-panahy ary koa fahafatesan' ny vatana, izany hoe, efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo izy, dia nilaina ny hamonjena ny olombelona amin' izany fahafatesam-panahy izany.

10 Koa satria efa nanjary “manaram-batana, manaram-pilana ary niendrika devoly tamin' ny ^btoetra izy, dia nanjary fotoana mba hiomanana ho azy ity fotoana ^dfizahan-toetra

ity; nanjary fotoana fiomanana izany.

11 Ary ankehitriny, tsarovy anaka, fa raha tsy noho ny drafitry ny fanavotana (raha navela hipetraka izany) raha vantany vao nodimandry izy dia ho “fadiranovana ny fanahiny, satria efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo.

12 Ary ankehitriny, dia tsy nisy fomba hanarenana ny olona tamin' izany toetry ny fahala-voana izany, izay ny olona ihany no efa nahatonga izany tamin' ny tenany noho ny tsy fanka-toavany ihany;

13 Noho izany, araka ny fahamarinana, ny “drafitry ny fanavotana dia tsy ho azo nontanterahina, raha tsy noho ny ^bfibebahan' ny olona ihany mandritra ity fotoana fizahan-toetra ity, eny, ity fotoana fiomanana ity; fa raha tsy teo ireo fepetra ireo, dia tsy ho nisy vokany ny famindram-po, afa-tsy ny fandravana ny asan' ny fahamari-nana. Ankehitriny, ny asan' ny fahamarinana dia tsy ho azo noravana; fa raha tsy izany, Andriamanitra dia ^dhitsahatra ho Andriamanitra.

14 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny olombelona rehetra dia efa ^alavo, ary dia teo ambany fifehezan' ny ^bfahamarinana izy; eny, ny fahamarinan'

6b Môsà 16:3-5.
TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.
7a 2 Ne. 2:5; 9:6;
Hel. 14:16.
TSM Fahafatesana
Ara-panahy.
b TSM Safidy.

8a Almà 34:9;
Mos. 6:62.
9a TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.
10a TSM Ara-nofo.
b TSM Olona araka
ny Nofo.
d TSM Mety Maty.

11a 2 Ne. 9:7-9.
13a TSM Drafitry ny
Fanavotana.
b TSM Fibebahana.
d 2 Ne. 2:13-14.
14a Almà 22:13-14.
b 2 Ne. 2:5.

Andriamanitra, izay nanolotra azy mandrakizay mba hoesorina hiala eo anatrehany.

15 Ary ankehitriny, ny drafitry ny famindram-po dia tsy ho azo notanterahina raha tsy natao ny sorompanavotana; noho izany dia Izy Andriamanitra tenany no “manonitra ho an’ ny fahotan’ izao tontolo izao mba hahatanteraka ny drafitry ny ^bfamindram-po, mba haneffa ny fitakian’ ny ^dfahamarinana ka hahatonga an’ Andriamanitra ho Andriamanitra marina, ^efanaperana, ary ho Andriamanitra feno famindram-po koa.

16 Ankehitriny, ny fibebahana dia tsy ho nety tonga tamin’ ny olona raha tsy nisy ny famaizana, izay “mandrakizay koa, satria tokony ho izany ny fiainan’ ny fanahy, izay mitovana sy mifanohitra amin’ ny drafitry ny fahasambarana izay mandrakizay koa toy ny fiainan’ ny fanahy.

17 Ankehitriny, ahoana no hahafahan’ ny olona mibebaka raha tsy “nanota izy? Ahoana no hahafahany manota raha tsy nisy ny ^blalàna? Ahoana no mety hisian’ ny lalàna raha tsy nisy ny famaizana?

18 Ankehitriny, dia nisy ny famaizana mitovana, sy ny lalàna marina omena izay nitondra

fanenenan’ ny “fieritreretana tamin’ ny olona.

19 Ankehitriny, raha tsy nisy ny lalàna nomena—raha “namono olona ny olona iray dia tokony ho faty izy—moa ho natahotra ny ho faty va izy raha namono olona?

20 Ary koa, raha tsy nisy ny lalàna nomena hanoherana ny fahotana, dia tsy ho natahotra ny hanota ny olona.

21 Ary raha “tsy nisy ny lalàna nomena, raha nanota ny olona, inona no azon’ ny fahamarinana hatao, na ny famindram-po koa, satria tsy ho nanan-jo tamin’ ny nohariana ireo?

22 Nefa misy lalàna omena sy famaizana mitovana ary “fibebahana atolotra; dia fibebahana takian’ ny famindram-po; raha tsy izany, dia manan-jo amin’ ny nohariana ny fahamarinana ary mampihatra ny lalàna ka mampianjera ny famaizana ny lalàna; raha tsy izany, dia ho rava ny asan’ ny fahamarinana, ary Andriamanitra dia hitsahatra ny ho Andriamanitra.

23 Nefa Andriamanitra dia tsy mitsahatra ny ho Andriamanitra, ary ny “famindram-po dia mitaky ny olona hivalo, ary ny famindram-po dia tonga noho ny ^bsorompanavotana; ary ny sorompanavotana dia manatanteraka ny ^dfitsanganan’ ny

15a 2 Ne. 9:7–10;
Môsià 16:7–8.
TSM Sorompanavotana.
b TSM Famindram-po.
d TSM Fahamarinana.
e 3 Ne. 12:48.
16a F&F 19:10–12.

17a TSM Fahotana.
b Roma. 4:15.
18a TSM Fieritreretana.
19a TSM Famonoan’
Olona.
21a 2 Ne. 9:25–26;
Môsià 3:11.
22a TSM Fibebahana.

23a TSM Famindram-po.
b TSM Sorompanavotana.
d 2 Ne. 2:8; 9:4;
Almà 7:12; 11:41–45;
12:24–25;
Hel. 14:15–18;
Môrm. 9:13.

nodimandry amin' ny maty; ary ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty dia mitondra ny olona 'hiverina eo anatrehan' Andriamanitra; ary dia toy izany no amerenana azy eo anatrehany, mba 'hotsaraina araka ny asany, araka ny lalàna sy ny fahamarinana.

24 Satria indro, ny fahamarinana dia mampihatra ny fitakiany rehetra, ary ny famindram-po koa dia mitaky izay rehetra azy; ary noho izany, tsy misy afa-tsy ny mivalo marina tokoa no vonjena.

25 Ahoana ary, moa heverinao va fa ny famindram-po dia afaka mandroba ny "fahamarinana? Lazaiko aminao, Tsia; na dia kely aza. Raha izany, Andriamanitra dia hitsahatra ny ho Andriamanitra.

26 Ary dia toy izany no anatanterahan' Andriamanitra ny "fikasany lehibe sy mandrakizay, izay efa voaomana 'hatry ny fanorenana izao tontolo izao. Ary dia toy izany no ahatongavan' ny famonjena sy ny fanavotana ny olona, ary koa ny faharavany sy ny fahoriany.

27 Noho izany, Ry zanako, "na zovy na zovy no te hanatona dia mahazo manatona sy misotro amin' ny ranon' aina maimaim-poana; ary na zovy na zovy no tsy te hanatona, dia tsy terena izy hanatona; nefa amin' ny an-

dro farany dia 'haverina aminy araka ny 'asany.

28 Raha toa izy ka efa naniry ny hanao "ratsy, ary tsy nibebaka tamin' ny androny, dia indro, ratsy no hatao aminy araka ny famerenana amin' ny laoniny avy amin' Andriamanitra.

29 Ary ankehitriny anaka, dia maniry aho ny tsy hamelanao intsony ireo zavatra ireo hana-hirana ny sainao, ary aoka ny fahotanao ihany no hanahirana anao, amin' ity fahasahiranana ity izay hitondra anao hidina any amin' ny fibebahana.

30 Ry zanako, iriako ny tsy handavanao intsony ny fahamarinan' Andriamanitra. Aza miezaka ny hanala tsiny ny tenanao, na dia kely ihany aza, noho ny fahotanao, amin' ny fandavana ny fahamarinan' Andriamanitra; fa avelao kosa ny fahamarinan' Andriamanitra sy ny famindram-pony ary ny fahari-pony hahazo vahana feno ao am-po-nao; ary aoka izany hitondra anao hidina hatrany amin' ny vovoka amin' ny "fanetren-tena.

31 Ary ankehitriny Ry zanako, dia antsoin' Andriamanitra ianao mba hitory ny teny amin' ity vahoaka ity. Ary ankehitriny anaka, mandehana, ambarao ny teny amin' ny fahamarinana sy ny fahononan-tena mba hahazoanao mitondra fanahy ho amin' ny fibebahana, mba hahazoan' ny drafitra lehiben' ny

23e Almà 40:21–24.

f TSM Fitsarana
Farany, Ny.

25a TSM Fahamarinana.

26a 2 Ne. 2:14–30;

Mos. 1:39.

b Almà 13:3; 3 Ne. 1:14.

27a Almà 5:34;

Hel. 14:30.

TSM Safidy.

b Almà 41:15.

d Isa. 59:18;

Fan. 20:12.

28a Almà 41:2–5.

30a TSM Fanetren-tena.

famindram-po hanan-jo aminy. Ary enga anie ka hotovin' Andriamanitra aminao araka ny teniko. Amena.

TOKO 43

Nitory ny teny i Almà sy ny zana-ny lahy—Nanjary Lamanita ny Zôramita sy ny mpiendaka Nefita hafa—Tonga hiady tamin' ny Nefita ny Lamanita—Nampirongo fitaovam-piarovan-tena ny Nefita i Môrônia—Nambaran' ny Tompo tamin' i Almà ny tetikadin' ny Lamanita—Niara ny fonenany, ny fahafahany, ny ankohonany ary ny fivavahany ny Nefita—Nohodidinin' ny miaramilan' i Môrônia sy i Lehià ny Lamanita. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka ny zanakalahin' i Almà mba hanambara ny teny aminy. Ary i Almà koa, izy tenany, dia tsy afaka niala sasatra, ary lasana koa izy nandeha.

2 Ankehitriny dia tsy hiteny firy intsony momba ny fitoriany isika, afa-tsy ny hoe, nitory ny teny sy ny fahamarinana izy ireo, araka ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana; ary nitory izy ireo araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay niantsoana azy ireo.

3 Ary ankehitriny dia iverenako ny fitantarana ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, tamin' ny taona fahavalo ambin'

ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

4 Fa indro, ny zava-nitranga dia nanjary Lamanita ny "Zôramita; koa tamin' ny fiandohan' ny taona fahavalo ambin' ny folo, dia hitan' ny vahoakan' ny Nefita fa tamy hiady aminy ny Lamanita; koa nataony ny fiomanana ho amin' ny ady; eny, novoriany miaraka tao antanin' i Jersôna ny miaramilany.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga niaraka tamin' ny miaramilany an' arivony ny Lamanita; ary nidirany ny tanin' i Antiônôma, izay tanin' ny Zôramita; ary lehilahy iray izay i Zerahemnà no anarany no mpitondra azy ireo.

6 Ary ankehitriny, dia nananan' ny Amalekita tao anatin' ny tamin' ny tenany ny fironana mamohetra sy mpamono olona kokoa noho ny Lamanita, noho izany i Zerahemnà dia nanendry ny lohan' ny kapiteny teo amin' ny Lamanita, ary izy rehetra dia Amalekita sy Zôramita.

7 Ankehitriny izany no nataony dia ny mba hahazoany mitahiry ny fankahalan' izy ireo ny Nefita, mba hahazoany mitondra azy ireo ho eo ambany fifehezana ho fanatanterahina ny tetiny.

8 Fa indro, ny tetiny dia ny hamoky ny Lamanita ho tezitra amin' ny Nefita; izany no nataony dia ny hahazoany misandoka fahefana lehibe eo aminy, ary ny hahazoany fahefana koa eo amin' ny Nefita amin' ny

famarinana azy any amin' ny fanandevozana.

9 Ary ankehitriny, ny tetiky ny Nefita dia ny hiaro ny taniny sy ny tranony, ary ny “vadiny sy ny zanany mba hahazoany mitsimbina ireny amin' ny tanan' ny fahavalony; ary mba hahazoany koa mitsimbina ny zony sy ny tombontsoany, eny, ary koa ny ^bfahafahany mba hahazoany mitsaoka an' Andriamanitra araka ny faniriany.

10 Satria fantany fa raha toa ka mianjera eo an-tanan' ny Lamanita izy, fa na zovy na zovy no “hidera an' Andriamanitra amin' ny ^bfanahy sy ny fahamarinana, Ilay Andriamanitra marina sy velona, dia hofongoran' ny Lamanita.

11 Eny, ary fantany koa ny fankahalan' ny Lamanita izaitaisy ny “rahalahiny, dia ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia izay nantsoina hoe ny vahoakan' i Amôna—ary tsy te handray fiadiana izy, eny, efa nanao fanekempihavanana izy ary tsy te handrava izany—noho izany, raha toa izy ka mianjera eo an-tanan' ny Lamanita, dia ho fongotra izy.

12 Ary tsy te hamela ny hamongorana azy ny Nefita; koa nomeny tany izy ho lovany.

13 Ary ny vahoakan' i Amôna dia nanome ny Nefita ny ampahany be tamin' ny fananany hanohanana ny miaramilany; ary dia toy izany no naha-voatery ny Nefita hanohitra samirery

ny Lamanita izay nahitana an' i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela, ary ireo rehetra izay efa niendaka tamin' ny Nefita, dia ny Amalekita sy ny Zôramita, ary ny “tamingan' ny mpisoron' i Noà.

14 Ankehitriny, ireo tamingana ireo dia saiky maro toy ny Nefita; ary dia toy izany no naha-voatery ny Nefita hiady tamin' ny rahalahiny, na dia hatrany amin' ny fandatsahan-dra aza.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa niara-tafavory tao an-tanin' i Antiônôma ny miaramilan' ny Lamanita, dia indro efa niomana ny hifanandrina aminy tao an-tanin' i Jersôna ny miaramilan' ny Nefita.

16 Ankehitriny, ny mpitondra ny Nefita, na ny lehilahy izay efa notendrena ho lohan' ny kapiteny tamin' ny Nefita—ankehitriny, ny lohan' ny kapiteny no nandray ny fibaikoana ny miaramilan' ny Nefita rehetra—ary ny anarany dia i Môrônia;

17 Ary noraisin' i Môrônia avokoa ny fibaikoana sy ny fitantanana ny adiny. Ary dimy amby roapolo taona monja izy raha notendrena ho lohan' ny kapiteny tamin' ny miaramilan' ny Nefita.

18 Ary ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' ny Lamanita tao amin' ny sisintanin' i Jersôna izy, ary ny olony dia nirongo sabatra sy simetera ary karazana fitaovam-piadiana rehetra.

9a Almà 44:5; 46:12.

^b TSM Fahalalahana.

10a TSM Fitsaohana.

^b Jao. 4:23–24.

11a Almà 24:1–3, 5, 20;
25:1, 13; 27:2, 21–26.

13a Almà 25:4.

19 Ary nony hitan' ny miaramilan' ny Lamanita fa ny vahoakan' i Nefia, na i Môrônia dia efa nanomana ny olony tamin' ny saron-tratra sy tamin' ny ampingan-tsandry, eny, ary koa tamin' ny ampinga fiaro loha, ary efa niakanjoany koa ny fitafiana matevina—

20 Ankehitriny, ny miaramilan' i Zerahemrà dia tsy niomana ho amin' ny zavatra toy izany; tsy nanana afa-tsy ny sabany sy ny simeterany, ny tsipikany sy ny zana-tsipikany, ny vatony sy ny antsamotadiny izy ireo; ary “nihanjaka izy ireo, raha tsy noho ilay hodibiby izay nosikiny teo am-balahany; eny, nihanjaka izy rehetra, afa-tsy ny Zôramita sy ny Amalekita;

21 Fa tsy nirongo saron-tratra na ampinga izy ireo—koa natahorany izaitsizy tokoa ny miaramilan' ny Nefita noho ny akanjo fiarovantenany, na dia teo aza ny isany izay maro tokoa noho ny Nefita.

22 Indro, ankehitriny ny zavatranga dia tsy sahiny ny natatona hiady tamin' ny Nefita tao amin' ny sisintanin' i Jersôna; koa niainga izy ireo niala ny tanin' i Antiônôma nankany an-tany foana, ary nandeha nanodidina tany an-tany foana, lavitry ny loharanon' ny renirano Sidôna, mba hahazoany miditra ny tanin' i Mantia sy mandray ny fizakana ny tany; satria tsy noheveriny fa ny miaramilan' i Môrônia dia hahalala izay efa nalehany.

23 Saingy ny zava-nitranga, raha vantany vao niainga nankany an-tany foana izy ireo, dia naniraka mpitsikilo nankany an-tany foana i Môrônia mba hitily ny tobiny; ary i Môrônia koa, noho ny fahalalany ny amin' ny faminanian' i Almà, dia naniraka ny olona sasany hankany aminy, naniry azy mba hanadinany ny Tompo, ny “momba izay tokony halehan' ny miaramilan' ny Nefita mba hiarovany tena amin' ny Lamanita.

24 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin' i Almà ny tenin' ny Tompo, ary nampahalalain' i Almà ny irak' i Môrônia fa ny miaramilan' ny Lamanita dia nandeha nihodidina tany an-tany foana mba hahazoany miditra ny tanin' i Mantia, mba hahazoany manomboka ny fanafihana ny ampahany malemy kokoa amin' ny vahoaka. Ary nandeha ireo iraka ireo sy nanolotra ny hafatra an' i Môrônia.

25 Ankehitriny i Môrônia, rehefa namela ny ampahany tamin' ny miaramilany tao antanin' i Jersôna, fandrao mety hisy fomba hidiran' ny Lamanita ny tany sy handraisany ny fizakana ny tanàna, dia nitondra ny ampahany sisa tamin' ny miaramilany, ary nandeha nankany an-tanin' i Mantia.

26 Ary nataony izay hiarahan' ny vahoaka rehetra tamin' izany faritry ny tany izany mifamory mba hiady amin' ny Lamanita, mba “hiaro ny taniny sy ny fari-

taniny, ny zony sy ny fahafahany; koa efa nomanina ho amin' ny fotoana hahatongavan' ny Lamanita izy ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia nataon' i Môrônia izay hanafenana ny miaramilany tao an-dohasaha izay akaiky ny moron' ny renirano Sidôna, izay tao andrefan' ny renirano Sidôna tany an-tany foana.

28 Ary nametraka mpitsikilo manodidina i Môrônia mba hahalalany ny fotoana izay havian' ny tafiky ny Lamanita.

29 Ary ankehitriny, satria nahafantatra ny fikasan' ny Lamanita i Môrônia, fa ny fikasany dia ny hamongotra ny rahalahiny, na ny hifehy azy sy ny hamarina azy any amin' ny fanandevozana mba hahazoany manorina fanjakana iray ho azy eran' ny tany manontolo;

30 Ary nahafantatra koa izy fa ny hany fanirian' ny Nefita dia ny hitsimbina ny taniny, sy ny "fahafahany, ary ny fiangonany, noho izany dia noheveriny fa tsy fahotana ny tokony hiarovany azy amin' ny alalan' ny tetikady; koa hitany, tamin' ny alalan' ny mpitsikilony izay lalana tokony hizoran' ny Lamanita.

31 Koa nozarainy ny miaramilany sy nentiny ny ampahany iray nankao an-dohasaha ary nafeniny tao atsinanana, sy tao atsimon' ny havoanan' i Riplà izany;

32 Ary ny sisa dia nafeniny tao an-dohasaha andrefana, tao andrefan' ny renirano Sidôna,

ka nidina toy izany hatrany amin' ny sisintanin' i Mantia.

33 Ary rehefa napetrany toy izany ny miaramilany, araka ny faniriany, dia niomana izy ny hifanandrina aminy.

34 Ary ny zava-nitranga dia niakatra tao avaratry ny havoana izay nanafenana ny ampahany tamin' ny miaramilan' i Môrônia ny Lamanita.

35 Ary rehefa tafahoatra ny havoanan' i Riplà ny Lamanita, ary niditra tao an-dohasaha, sy nanomboka nita ny renirano Sidôna, ny miaramila izay nafenina tao atsimon' ny havoana, izay notarihin' ny lehilahy iray, izay i "Lehia no anarany, ary izy nitarika ny miaramilany hivoaka, ary nohodidiny tao atsinanana avy tato aoriany ny Lamanita.

36 Ary ny zava-nitranga rehefa hitan' ny Lamanita fa nisovoka azy ireo avy tato aoriany ny Nefita dia niverina ilalana izy ireo ary nanomboka niady tamin' ny miaramilan' i Lehia.

37 Ary nanomboka ny asan' ny fahafatesana tamin' ny andaniny roa, nefa nahatsiravina kokoa izany tamin' ny ankilany Lamanita, satria ny "fitanja-hany dia nihanjahanja ho an' ny famelezan' ny Nefita mafy tamin' ny sabany sy ny simiterany izay nitondra fahafatesana saiky isaky ny mamely.

38 Raha tamin' ny andaniny kosa, dia nisy tsindraindray ny olona iray lavo teo anivon' ny Nefita, noho ny sabany sy ny fa-

haverezan-dra, satria narovana izy tamin' ny faritra tena iankinan' ny aina tamin' ny tenany, na ny faritra tena iankinan' ny aina tamin' ny tenany dia narovana tamin' ny famelezan' ny Lamanita, tamin' ny alalan' ny "saron-tratrany, sy ny ampingan-tsandriny ary ny satrobiny; ary dia toy izany no nanohizan' ny Nefita ny asan' ny fahafatesana teo anivon' ny Lamanita.

39 Ary ny zava-nitranga dia nanjary raiki-tahotra ny Lamanita, noho ny famongorana lehibe teo anivony, hany ka rafitra nandositra izy ireo nan-kany amin' ny renirano Sidôna.

40 Ary nenjehin' i Lehia sy ny olony izy ireo; ary voatosik' i Lehia tao amin' ny ranon' i Sidôna izy ireo, ary nita ny ranon' i Sidôna izy ireo. Ary nohazonin' i Lehia teo amoron' ny renirano Sidôna ny miaramilany mba tsy hitany.

41 Ary ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' ny Lamanita tao an-dohasaha i Môrônia sy ny miaramilany, tamin' ny morona ilan' ny renirano Sidôna, ary nanomboka nanafika sy nandringana azy ireo.

42 Ary ny Lamanita dia nandositra indray teo anoloany, nankany an-tanin' i Mantia; ary notsenain' ny miaramilan' i Môrônia indray izy ireo.

43 Ankehitriny, tamin' ity toejavatra ity dia niady izaitsizy tokoa ny Lamanita; eny, tsy mbola fantatra na oviana na oviana ho

niady tamin' ny tanjaka sy herim-po lehibe izaitsizy tokoa toy izany ny Lamanita, tsia, na dia hatrany am-piandohana aza.

44 Ary izy ireo dia nentanin' ny "Zôramita sy ny Amalekita, izay lohan' ny kapiteniny sy mpitondra azy ireo, sy i Zerahemna izay lohan' ny kapiteniny, na filoha mpitondra sy mpifehy azy ireo; eny, izy ireo dia niady toy ny dragona, ka maro tamin' ny Nefita no novonoin' ny tany, eny, fa notresahiny roa ny maro tamin' ny satrobiny sy notrobarany ny maro tamin' ny saron-tratrany, ary notapahiny hiala ny maro tamin' ny sandriny; ary dia toy izany no namelezan' ny Lamanita tao amin' ny fahatezerany mirehitra.

45 Kanefa ny Nefita dia nentanin' ny foto-kevitra tsaratsara kokoa, satria tsy "niady ho an' ny fitondran' andriamborivory na ny fahefana izy, fa niady kosa ho an' ny fonenany sy ny fahafahany, ny vadiny sy ny zanany ary izay rehetra ananany, eny, ho an' ny fombafomba fitsaohany sy ny fiangonany.

46 Ary nataony izay tsapany fa "adidy izay notrosainy tamin' Andriamaniny; fa efa nilaza tamin' ny Tompo ary koa tamin' ny razany fa: ^bRaha mbola tsy meloka amin' ny ^dfanafintohinana voalohany ianareo, na koa amin' ny faharoa, dia tsy havalanareo hovanoin' ny tany amin' ny fahavalonareo ny tenanareo.

47 Ary koa, efa nilaza ny

38a Almà 44:8–9.

44a Almà 43:6.

45a Almà 44:5.

^b TSM Fahalalahana.

46a TSM Adidy.

^b Almà 48:14;

F&F 98:33–36.

^d 3 Ne. 3:21;

F&F 98:23–24.

Tompo fa: Ianareo dia “hiaro ny ankohonanareo na dia hatrany amin’ ny fandatsahan-dra aza. Koa noho izany foto-kevitra izany dia niady tamin’ ny Lamanita ny Nefita mba hiaro ny tenany sy ny ankohonany ary ny taniny, ny faritaniny sy ny zony ary ny fivavahany.

48 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny fisafoahana sy ny fahatezeran’ ny Lamanita ny olon’ i Môrônia, dia efa saika hitakemotra izy ary handositra hiala azy ireo. Ary i Môrônia, rehefa nahatsapa ny fikasany, dia nampaniraka sy nanentana ny fony tamin’ ireto fieritreretana ireto—eny, ny fieritreretana ny taniny, ny fahafahany, eny, ny fanafahana azy tamin’ ny fanandevozana.

49 Ary ny zava-nitranga dia nihodina izy hiatrika ny Lamanita sy “niantso tamin’ ny feo tokana ny Tompo Andriamany, ho an’ ny fahafahany sy ny fanafahana azy amin’ ny fanandevozana.

50 Ary rafitra nijoro nanohitra ny Lamanita tamin-kery izy; ary tamin’ izay ora izay indrindra, izay niantsoany ny Tompo Andriamaniny ho fanafahana azy, dia rafitra nandositra teo anoloany ny Lamanita; ary nandositra hatrany amin’ ny ranon’ i Sidôna aza izy ireo.

51 Ankehitriny, ny Lamanita dia maro kokoa, eny, avo roa heny tamin’ ny isan’ ny Nefita; kanefa dia voatosika izy ireo hany ka niara-tafangona ho

vondrona iray izy ireo teo an-dohasaha, teo amin’ ny morona akaikin’ ny renirano Sidôna.

52 Koa nohodidinin’ ny miaramilan’ i Môrônia izy ireo, eny, tamin’ ny andaniny roa ny renirano mihitsy, fa indro, tao atsinanana no nisy ny olon’ i Leahia.

53 Noho izany, rehefa nahita i Zerahemnà fa ny olon’ i Leahia dia tao atsinanan’ ny renirano Sidôna, ary ny miaramilan’ i Môrônia tao andrefan’ ny renirano Sidôna, ka voahodidin’ ny Nefita izy ireo, dia nozoin’ ny horohoro izy ireo.

54 Ankehitriny, nony nahita ny horohorony i Môrônia dia nandidy ny olony hampitsaharany ny fandatsahana ny rany.

TOKO 44

Nandidy ny Lamanita i Môrônia hanao ny dinan’ ny fandriampahalemana, fa raha tsy izany dia hofongorana—Nitsipaka ilay tolo-kevitra i Zerahemnà, ary nitohy ny ady—Nandresy ny Lamanita ny miaramilan’ i Môrônia. Tokony ho 74–73 talohan’ i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nitsahatra sy nihataka indray mandingana taminy izy. Ary hoy i Môrônia tamin’ i Zerahemnà: Indro, ry Zerahemnà, fa “tsy maniry ny ho olon’ ny ra izahay. Fantatrareo fa ianareo dia eo an-tananay, kanefa tsy maniry ny hamono anareo izahay.

2 Indro, tsy nivoaka izahay

hiady taminareo mba hahazoanay mandatsaka ny ranareo noho ny fahefana; sady tsy maniry ny hamarina na iza na iza ao amin' ny ziogan' ny fanandevozana izahay. Nefa izany no tena antony izay efa nahatongavanareo hiady taminay; eny, ary tezitra aminay ianareo noho ny fivavahanay.

3 Nefa ankehitriny, hitanareo fa momba anay ny Tompo; ary hitanareo fa efa natolony ho eo an-tananay ianareo. Ary ankehitriny dia mba tiako ny hahazoanareo fa izany no efa atao aminay dia noho ny fivavahanay sy ny finoanay an' i Kristy. Ary ankehitriny hitanareo fa tsy afaka mamongotra izany finoanay izany ianareo.

4 Ankehitriny hitanareo fa izany no finoana marina an' Andriamanitra; eny, hitanareo fa Andriamanitra no hanohana sy hitahiry ary hitsimbina anay raha mbola mahatoky Aminy sy amin' ny finoanay ary amin' ny fivavahanay izahay; ary na oviana na oviana ny Tompo dia tsy hamela anay ho fongotra raha tsy hoe ho lavo ao amin' ny fandikan-dalana izahay sy mandà ny finoanay.

5 Ary ankehitriny, ry Zerahemnà, dia mandidy anareo aho, amin' ny anaran' Ilay Andriamanitra Tsitoha izay efa nampahery ny sandrinay ka efa nanananay fahefana taminareo, tamin' ny finoanay, tamin' ny fivavahanay sy tamin' ny "fomba fitsaohanay, ary tamin' ny

fiangonanay sy tamin' ny fanoahanana masina izay azonay tamin' ny vadinay sy ny zanakay, tamin' ny alàlan' ity ^bfahafahana ity izay mamatotra anay amin' ny taninay sy ny faritaninay; eny, ary koa tamin' ny fitandremanay ny teny masin' Andriamanitra, izay ahazoanay ny fahasambaranay rehetra; ary tamin' izay rehetra tena lalaina taminay —

6 Eny, ary tsy izay ihany; mandidy anareo aho, noho ny fanihana rehetra izay anananareo mba ho velona, ny hanoloranareo anay ny fitaovam-piadianareo, ary tsy hokatsahinay ny ranareo fa hotsimbiniay kosa ny ainareo, raha ho zorinareo ny lalanareo ka tsy hiverina indray ianareo hiady aminay.

7 Ary ankehitriny, raha tsy manao izany ianareo dia indro eto an-tananay ianareo, ary handidy ny oloko aho ny hanafiha-ny anareo sy ny hampitondrany ny ratran' ny fahafatesana amin' ny tenanareo mba hahatonga anareo ho fongana; ary amin' izany dia ho hitantsika izay hanana fahefana eo amin' ity vahoaka ity; eny, ho hitantsika izay havarina any amin' ny fanandevozana.

8 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, rehefa avy nandre izany teny izany i Zerahemnà, dia nandroso izy ary nanolotra ny sabany sy ny simeterany ary ny tsipikany teo an-tanan' i Môrônia ary nanao taminy hoe: Indro, ireto no fitaovam-pia-

dianay; hatolotray anareo ireto; nefa izahay dia tsy hamela ny tenanay hanao "fianianana aminareo, izay fantatray fa hodikainay sy ny zanakay koa; nefa raiso ny fitaovam-piadianay ary avelao izahay hahazo hanainga hankany an-tany foana; raha tsy izany dia hotananay ny sabatray, ary dia na ho faty izahay na handresy.

9 Indro, izahay dia tsy ao amin' ny finoanareo; tsy mino izahay fa Andriamanitra no efa napolotra anay ho teo an-tananareo; nefa mino kosa izahay fa ny hafetsenareo no efa nitsimbina anareo tamin' ny sabatray. Indro, ny "saron-tratranareo sy ny ampinganareo no efa nitsimbina anareo.

10 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny filazana ireo teny ireo i Zerahemnà, dia naverin' i Môrônia tamin' i Zerahemnà ny sabatra sy ny fitaovam-piadiana izay efa noraisiny ka nilazany hoe: Indro, hofaranantsika ny ady.

11 Ankehitriny dia tsy afaka manatsoaka ny teny izay efa nolazaiko aho, noho izany raha velona koa ny Tompo, dia tsy hiainga ianareo raha tsy miainga miaraka amin' ny fianianana fa tsy hiverina indray hiady aminay ianareo. Ankehitriny satria eto an-tananay ianareo, dia na halatsakay amin' ny tany ny ranareo, na ekenareo ny fepetra izay efa natolotro.

12 Ary ankehitriny nony efa nilaza ireo teny ireo i Môrônia,

dia notanan' i Zerahemnà ny sabany, ary tezitra tamin' i Môrônia izy sy niantambotra mba hahazoany mamono an' i Môrônia; saingy raha naingainy ny sabany, indro, ny anankiray tamin' ny miaramilan' i Môrônia dia namely izany hianjera amin' ny tany, ary dia tapaka teo akaikin' ny fihazonana azy izany; ary namely an' i Zerahemnà koa izy ka nahafaka ny hodi-dohany ary nianjera tamin' ny tany izany. Ary niala avy teo anoloany i Zerahemnà nankany afovoan' ny miaramilany.

13 Ary ny zava-nitranga, ilay miaramila izay nijoro teo anila, izay namely ka nampiala ny hodi-dohan' i Zerahemnà, no naka ilay hodi-doha tamin' ny tany tamin' ny volon-doha sy nametaka izany teo amin' ny tendron' ny sabany ary nandroso izany tany aminy, sady nilaza taminy tamin' ny feo mahery hoe:

14 Toy ny efa nahalavo tamin' ny tany ity hodi-doha ity izay hodi-dohan' ny filohanareo, dia toy izany no nahalavo anareo amin' ny tany raha tsy manolotra ny fitaovam-piadianareo ianareo ary miainga miaraka amin' ny dinan' ny fandriampahalemana.

15 Ankehitriny dia nisy maro, rehefa nandre ireo teny ireo sy nahita ny hodi-doha izay teo amin' ny sabatra, no nozoin' ny tahotra; ary maro no nandroso sy nanipy ny fitaovam-piadiany

teo an-tongotr' i Môrônia ary nanao ny "dinan' ny fandriampahalemana. Ary izay rehetra nanao dina dia navelan' izy ireo hiainga hankany an-tany foana.

16 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nisafoaka izaitsizy tokoa i Zerahemnà, ary novokisany ny miaramilany sisa ho tezitra, ka hiady amin-kery kokoa amin' ny Nefita.

17 Ary ankehitriny dia tezitra i Môrônia, noho ny kirin' ny Lamanita; koa nandidy ny olony izy ny hanafihany azy sy ny hamonoany azy. Ary ny zava-nitranga dia rafitra izy namono azy; eny, ary ny Lamanita dia niady niaraka tamin' ny sabany sy ny heriny.

18 Nefa indro, ny hodiny nitanjaka sy ny lohany nangadihady dia nihanjahanja ho an' ny sabatra maranitra ny Nefita; eny, indro, voatrobaka sy voaisy izy, eny, ary nianjera faingana izaitsizy tokoa teo anoloan' ny sabatra ny Nefita; ary nanomboka ho voalamaka toy ny efa naminanian' ilay miaramilan' i Môrônia izany izy.

19 Ankehitriny i Zerahemnà, nony hitany fa efa akaiky ho ringana avokoa izy, dia nikiaka mafy tokoa an' i Môrônia ka nampanantena fa izy ary koa ny olony dia hanao dina aminy, raha toa hotsimbiny ny ain' ireo sisa tavela, fa izy ireo kosa dia tsy hiverina "na oviana na oviana indray hiady aminy.

20 Ary ny zava-nitranga dia

nasain' i Môrônia natsahatra indray ny asan' ny fahafatesana teo anivon' ny vahoaka. Ary nandray ny fitaovam-piadiana avy tamin' ny Lamanita izy; ary taorian' ny nanaovany ny "dinan' ny fandriampahalemana tamin' dia navela izy hiainga hankany an-tany foana.

21 Ankehitriny, ny isan' ny maty taminy dia tsy nisaina noho ny habetsahan' ny isa; eny, ny isan' ny maty taminy dia betsaka izaitsizy tokoa, na tamin' ny Nefita na tamin' ny Lamanita.

22 Ary ny zava-nitranga dia natsipiny tao amin' ny ranon' i Sidôna ny maty taminy, ary ireny dia efa lasana sy voalevina tao amin' ny halalin' ny ranomasina.

23 Ary ny miaramilan' ny Nefita, na ny an' i Môrônia, dia niverina ary nody tany an-tranony sy tany amin' ny taniny.

24 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny rakitsoratr' i Almà izay nosoratana teo amin' ny takelak' i Nefia.

Ny tantaran' ny vahoakan' i Nefia sy ny adiny ary ny fisaraham-bazany, tamin' ny andron' i Helamàna, araka ny rakitsoratr' i Helamàna, izay notanany tamin' ny androny.

*Mahafaoka ny toko 45 ka hatramin’
ny 62 manontolo.*

TOKO 45

*Nino ny tenin’ i Almà i Helamàna
—Naminany ny famongorana ny
Nefita i Almà—Nitso-drano sy na-
nozona ny tany izy—Mety ho
nalain’ ny Fanahy hiakatra toa an’
i Mosesy i Almà—Nitombo ny fi-
saraham-bazana tao amin’ ny fian-
gonana. Tokony ho 73 talohan’ i J.K.*

INDRO, ankehitriny ny zava-
nitranga dia nifaly izaitsizy to-
koa ny vahoakan’ i Nefia, satria
ny Tompo no efa nanafaka azy
indray tamin’ ny tanan’ ny fa-
havalony; noho izany izy dia
nanati-tsaotra ho an’ ny Tompo
Andriamaniny; eny, ary “nifady
hanina be sy nivavaka fatratra
izy, ary nitsaoka an’ Andriama-
nitra tamim-pifaliana be izai-
tsizy tokoa.

2 Ary ny zava-nitranga tamin’
ny taona fahasivy ambin’ ny fo-
lon’ ny fitondran’ ny mpitsara
teo amin’ ny vahoakan’ i Nefia,
dia tonga tao amin’ i Helamàna
zanany lahy i Almà ary nanao
taminy hoe: Moa mino ny teny
izay nolazaiko anao momba
ireo “rakitsoratra izay efa nota-
nana ireo va ianao?

3 Ary hoy i Helamàna taminy:
Eny, mino aho.

4 Ary hoy indray i Almà tami-

ny: Moa va mino an’ i Jesoa
Kristy izay ho avy ianao?

5 Ary hoy izy: Eny, mino ny
teny rehetra izay efa nolazai-
nao aho.

6 Ary hoy indray i Almà tami-
ny: Moa va ianao “hitandrina
ny didiko?

7 Ary hoy izy: Eny, hitandrina
ny didinao amin’ ny foko ma-
nontolo aho.

8 Tamin’ izay dia hoy i Almà
taminy: Hotahina ianao; ary ny
Tompô dia “hanambina anao
eo amin’ ity tany ity.

9 Nefa indro, somary manana
izay “haminaniana aminao aho;
nefa izay haminaniako aminao
dia tsy hampahafantarinao; eny,
izay haminaniako aminao dia
tsy hampahafantarina mandra-
pahatanteraky ny faminaniana;
noho izany dia soraty ny teny
izay holazaiko.

10 Ary ireto no teny: Indro,
takatro fa ity vahoaka ity, dia
ny Nefita, araka ny fanahin’ ny
fanambarana izay ato amiko
dia hihemotra ao amin’ ny “tsy
finoana rehefa afaka ‘efa-jato
taona aorian’ ny hanehoan’ i
Jesoa Kristy ny tenany aminy.

11 Eny, ary amin’ izany dia ha-
hita ady sy areti-mandringana
izy, eny, mosary sy fandatsa-
han-dra, mandra-pahatonga ny
vahoakan’ i Nefia ho “fongana
mihitsy—

12 Eny, ary izany dia noho izy

45 1a TSM Fifadian-
kanina.

2a Almà 37:1–5; 50:38.

6a TSM Didin’
Andriamanitra;
Mankatò.

8a 1 Ne. 4:14;

Almà 48:15–16, 25.

9a TSM Faminaniana.

10a TSM Apôstazia; Tsy
Finoana.

b 1 Ne. 12:10–15;

Hel. 13:9;

Môm. 8:6–7.

11a Jarôma 1:10;

Môm. 8:2–3, 6–7.

hihemotra ao amin' ny tsy finoana sy ho lavo ao amin' ny asan' ny maizina, ary ny "fahalotoampitondratena sy ny karazana heloka rehetra; eny, lazaiko aminao fa noho izy hanota ka hanohitra fahalalana sy fahazavana lehibe tokoa, eny, lazaiko aminao, fa hatramin' izany andro izany, na dia ny taranaka fahefatra aza dia tsy ho lasana mialohan' ny hahatongavan' izany heloka lehibe izany.

13 Ary rehefa tonga izany andro lehibe izany, dia indro, tonga tsy ho ela ny fotoana ka ireo izay velona ankehitriny, na ny taranak' ireo izay isaina eo anivon' ny vahoakan' i Nefia ankehitriny, dia "tsy hisaina eo anivon' ny vahoakan' i Nefia intsony.

14 Nefa na zovy na zovy no mitoetra, ary tsy fongotra amin' izany andro lehibe sy mahatahotra izany, dia "hisaina eo anivon' ny Lamanita ary hanjary ho toa azy ny rehetra, afa-tsy vitsivitsy izay hantsoina hoe ny mpianatry ny Tompo; ary ireo no hoenjehin' ny Lamanita ^bmandra-pahatonga azy ireo ho fongana. Ary ankehitriny, noho ny heloka, izany faminaniana izany dia ho tanteraka.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, taorian' ny nilazan' i Almà ireo zavatra ireo tamin' i Helamàna, dia notsofiny rano izy sy ireo zanany lahy hafa koa;

ary notsofiny rano koa ny tany noho ny "olo-marina.

16 Ary hoy izy: Izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra—Ho "voaozona hatrany amin' ny famongorana ny tany, eny, ity tany ity, ho an' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina, izay manao ny ratsy, rehefa masaka tanteraka izy ireny; ary toy ny efa voalazako no hahatanteraka izany; fa izany no fanozonana sy ^bfitahian' Andriamanitra amin' ny tany, fa ny Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin' ny hamoram-po ^dfaran' izay bitika indrindra.

17 Ary ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nitsodrano ny "fiangonana izy, eny, ireo rehetra izay hiorina mafy amin' ny finoana hatramin' izao fotoana izao.

18 Ary rehefa avy nanao izany i Almà dia nandeha izy niala ny tanin' i Zarahemlà, toy ny handeha hankany an-tanin' i Meleka. Ary ny zava-nitranga dia tsy re na oviana na oviana intsony ny aminy; na ny fahafatesany na ny fandevenana azy dia tsy fantatsika ny amin' izany.

19 Indro, izao no fantatsika lehilahy marina izy; ary niely tao amin' ny fiangonana ny resaka fa nalain' ny Fanahy izy hiakatra, na "nalevin' ny tanan' ny Tompo, toa an' i Mosesy. Nefa indro, milaza ny soratra masina

12a TSM Mitsiriritra.

13a Hel. 3:16.

14a Môrô. 9:24.

^b Môrô. 1:1-3.

15a Almà 46:10; 62:40.

16a 2 Ne. 1:7;

Almà 37:31;

Etera 2:8-12.

^b F&F 130:21.

^d F&F 1:31.

17a TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

19a TSM Olona Novana.

fa ny Tompo dia naka an' i Mosesy ho any Aminy; ary heverintsika fa Izy koa dia nan-dray an' i Almà tao amin' ny fanahy ho any Aminy; koa, noho izany antony izany dia tsy mahafantatra na inona na inona momba ny fahafatesany sy ny fandevenana azy isika.

20 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nandeha tany anivon' ny vahoaka i Helamàna mba hanambara ny teny aminy.

21 Fa indro, noho ny adiny tamin' ny Lamanita sy ny fisaraham-bazana madinidinika maro ary ny korontana izay efa nisy teo anivon' ny vahoaka, dia nanjary nilaina ny tokony hanambarana ny "tenin' Andriamanitra eo anivony, eny, ary ny tokony hanaovana ny fitsipi-pifehezana manerana ny fiangonana.

22 Noho izany i Helamàna sy ny rahalahiny dia nandeha mba hanorina indray ny fiangonana tamin' ny tany manontolo, eny, isan-tanàn-dehibe manerana ny tany manontolo izay nozakain' ny vahoakan' i Nefia. Ary ny zava-nitranga dia notendreny ny mpisorona sy ny mpampianatra, ho an' ny fiangonana rehetra, eran' ny tany manontolo.

23 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nanendry mpisorona sy mpampianatra ho an' ny fiangonana i Helamàna sy ny rahalahiny, dia niseho ny

"fisaraham-bazana teo anivony, ary tsy nety nanome lanja ny tenin' i Helamàna sy ny rahalahiny izy.

24 Fa nanjary niavonavona kosa izy, rehefa nanandra-tena tao amin' ny fony noho ny "harem-beny izaitsizy tokoa; noho izany dia nitombo harena teo 'imasony ihany izy, ary tsy nety nanome lanja ny teniny mba handeha araka ny hitsiny tokoa eo anoloan' Andriamanitra.

TOKO 46

Nioko mba ho mpanjaka i Amalikià — Nanangana ny fanevan' ny fahafahana i Môrônia — Namory ny vahoaka izy mba hiaro ny fiva-vahany — Antsoina hoe Kristiana ny tena mpino — Hotsimbinina ny taranak' i Josefa sisa — Nandositra tany an-tanin' i Nefia i Amalikià sy ny mpiendaka — Novonoina ho faty ireo izay tsy hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana. Tokony ho 73–72 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia ireo rehetra izay tsy nety nihaino ny tenin' i Helamàna sy ny rahalahiny dia niara-nivory hanohitra ny rahalahiny.

2 Ary ankehitriny, indro, nisafoaka izaitsizy tokoa izy ireo, hany ka tapa-kevitra ny hamono azy ireo.

3 Ankehitriny ny mpitondra ireo izay nisafoaka tamin' ny rahalahiny dia lehilahy iray vaventy sy matanjaka; ary ny anarany dia i Amalikià.

4 Ary naniry ny ho mpanjaka i Amalikià; ary ireo olona izay nisafoaka dia naniry koa ny hahatonga azy ho mpanjakany; ary ny ampahany betsaka kokoa taminy dia ny “mpitsara ambanimbany teo amin’ ny tany, ary nokatsahiny ny fahefana.

5 Ary efa voatariky ny fanasohasoan’ i Amalikià izy ireo, fa raha tohanany sy atsangany ho mpanjakany izy, izy kosa dia hanao azy ireo ho mpanapaka eo amin’ ny vahoaka.

6 Dia toy izany no nitarihan’ i Amalikià azy ireo ho any amin’ ny fisaraham-bazana, na dia teo aza ny fitorian’ i Helamàna sy ny rahalahiny, eny, na dia teo aza ny fiahiany lehibe fatratra tokoa ny fiangonana, satria izy ireo dia mpisorona avo tamin’ ny fiangonana.

7 Ary nisy maro tao amin’ ny fiangonana no nino ny teny manasohason’ i Amalikià, noho izany izy ireo dia niendaka mihitsy tamin’ ny fiangonana; ary araka izany, ny raharahan’ ny vahoakan’ i Nefia dia nareforefo sy nampidi-doza izaisizy tokoa, na dia teo aza ny “fandreseny lehibe izay efa azony tamin’ ny Lamanita sy ny fifaliany lehibe izay efa nananany noho ny fanafahana azy tamin’ ny alàlan’ ny tànan’ ny Tompo.

8 Dia toy izany no ahitantsika fa “mailaka erỳ ny zanak’ olombelona ny hanadino ny Tompo Andriamaniny, eny, mailaka erỳ

ny hanao heloka sy ny hotarihin’ ilay ratsy.

9 Eny, ary hitantsika koa ny “faharatsiana lehibe izay azon’ ny lehilahy iray tena mamohetra atao ny hitrangany eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

10 Eny, hitantsika fa i Amalikià, noho izy olon’ ny tetika mame-tsifetsy sy olon’ ny teny maro manasohaso, dia nitarika ny fon’ ny olona maro hanao ratsy tokoa; eny, sy hikatsaka ny handrava ny fiangonan’ Andriamanitra ary handrava ny fiorenan’ ny “fahafahana izay efa notovin’ Andriamanitra taminy, na izay fitahiana efa nalefan’ Andriamanitra tambonin’ ny tany noho ny ^bolo-marina.

11 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nandre ny momba ireo fisaraham-bazana ireo i Môrônia izay “filoha mpi-tarika ny miaramilan’ ny Nefita, dia tezitra tamin’ i Amalikià izy.

12 Ary ny zava-nitranga dia norovitiny ny kapaotiny; ary naka vorotra taminy izy, sy nanoratra tamin’ izany—“Ho fahatsiarovana ny Andriamanitra, ny fivavahanay sy ny fahafahanay ary ny fiadanany, ny vadinay sy ny zanakay—ary nafatony teo an-tendron’ ny hazo iray izany.

13 Ary nanaovany ny satrobiny sy ny saron-tratrany ary ny ampingany, ary nosikinany teo am-balahany ny akanjo fiarovantenany; ary nalainy ny tso-rakazo izay nisy ny vorotry ny

46 4a Môsià 29:11, 28–29.

7a Almà 44:19–20.

8a Hel. 12:2, 4–5.

9a Môsià 29:17–18.

10a 2 Ne. 1:7; Môsià 29:32.

b 2 Ne. 1:7.

11a Almà 43:16–17.

12a Neh. 4:14;

Almà 44:5.

kapaotiny ny tendrony (ary nantsoiny hoe fanevan' ny fahafahana izany), ary niankohoka teo amin' ny tany sy nivavaka mafy tokoa tamin' ny Andriamaniny izy mba hitomoeran' ny fitahian' ny fahafahana amin' ny rahalahiny, raha mbola hisy koa antokona Kristiana tavela mba hizaka ny tany—

14 Fa toy izany no niantsoan' ireo izay tsy isan' ny fiangonana an' ireo rehetra tena mpino an' i Kristy, izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

15 Ary ireo izay isan' ny fiangonana dia nahatoky; eny, ireo rehetra izay tena mpino an' i Kristy dia nitondra teo aminy tamim-pifaliana tokoa ny "anaran' i Kristy, na ^bKristiana, toy izay niantsoana azy, noho ny finoany an' i Kristy izay ho avy.

16 Ary noho izany, tamin' izay fotoana izay, dia nivavaka i Môrônia mba hahazoan' ny fotokevitra ny Kristiana sy ny fahafahan' ny tany fankasitrahana.

17 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy noborahiny tamin' Andriamanitra ny fanahiny, dia nantsoiny avokoa ny tany izay tao atsimon' ny tany "Faharavana, eny, ary raha fintinina, ny tany rehetra, na tao avaratra na tao atsimo—Tany nofinidy sy tanin' ny fahafahana.

18 Ary hoy izy: Marina tokoa fa Andriamanitra dia tsy hamela antsika, izay nohamavoina noho ny nitondrantsika teo amintsika ny anaran' i Kristy, ho voahosihosy sy ho fongotra, raha tsy isi-

ka no mahatonga izany amintsika noho ny fandikantsika lalàna.

19 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, nanofahofa ilay vorotra norovitina tamin' ny "akanjony mba hahazoan' ny rehetra mahita ny soratra izay efa nosoratany tamin' ilay vorotra norovitina, ary nihiaka tamin' ny feo mahery izy, nanao hoe:

20 Indro, na zovy na zovy no te hitana ity faneva ity eo amin' ny tany, dia aoka izy handroso amin' ny herin' ny Tompo sy hanao fanekempihavanana fa harovany ny zony sy ny fivavahany mba hahazoan' ny Tompo Andriamanitra mitahy azy.

21 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia indro, tonga niaranirohotra ny vahoaka niaraka tamin' ny akanjo fiarovan-tena ny nasikina teo am-balahany, nandrovitra ny fitafiany ho famantarana, na ho toy ny fanekempihavanana, fa tsy hafoiny ny Tompo Andriamaniny; na amin' ny teny hafa, raha mandika ny didin' Andriamanitra izy ireo, na lavo ao amin' ny fandikan-dalàna, ary "menatra ny hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, dia horovitin' ny Tompo izy ireo toy ny efa nandrovitany ny fitafiany.

22 Ankehitriny dia izany no fanekempihavanana izay nataony, ary natsipiny teo an-tongotr' i Môrônia ny fitafiany, sady nataony hoe: Izahay dia manao

15a Môsià 5:7–9.

b Asa 11:26; 1 Pet. 4:16.

17a Almà 22:30–31.

19a TSM Faneva.

21a 1 Ne. 8:25–28;

Môrm. 8:38.

fanekempihavanana amin' Andriamanitray fa hofongorana izahay, toy ny rahalahinay tao amin' ny tany andafiavatra, raha lavo amin' ny fandikan-dalàna; eny, azony atsipy eo an-tongotry ny fahavalonay izahay, dia toy ny nanipazanay ny fitafianay teo an-tongotrao, hohosihosen' ny tongotra raha lavo amin' ny fandikan-dalàna izahay.

23 Hoy i Môrônia taminy: Indro, isika dia sisa tavela tamin' ny taranak' i Jakoba; eny, isika dia sisa tavela tamin' ny "taranak' i ^bJosefa izay norovidrovin' ny rahalahiny ho potika ny ^dfitafiany; eny, ary ankehitriny indro, aoka isika hahatsiaro ny hitandrina ny didin' Andriamanitra, raha tsy izany dia horovitin' ny rahalahintsika ny fitafiantsika, ka hatsipy any an-tranomaizina isika, na hamidy, na hovonoina.

24 Eny, aoka hotsimbinintsika ny fahafahantsika amin' ny maha "sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa antsika; eny, aoka isika hahatsiaro ny tenin' i Jakoba talohan' ny fahafatesany, satria indro, hitany fa ny vorotra iray tavela tamin' ny fitafian' i Josefa dia notsimbinina ary tsy lo. Ary hoy izy — Dia toy ny efa nitsimbinana ity ^bsisa tavela tamin' ny fitafian-janako lahy ity no hitsimbinan' ny tanaan' Andriamanitra ny sisa tavela iray amin' ny taranaky ny zana-

ko lahy, ka halaina ho Azy, raha ny ambiny tamin' ny taranak' i Josefa kosa ho fongana, dia toy ny ambiny tamin' ny fitafiany.

25 Ankehitriny indro, manome alahelo ny fanahiko izany; na dia eo aza izany dia manam-pifaliana ao amin' ny zanako lahy ny fanahiko, noho ilay ampahany amin' ny taranany izay halaina ho an' Andriamanitra.

26 Ankehitriny indro, izany no tenin' i Jakoba.

27 Ary ankehitriny iza moa no mahalala raha toa ny ambiny tamin' ny taranak' i Josefa izay ho fongana tahaka ny fitafiany, ka ireo izay efa niendaka tamin-tsika? Eny, ary ho ny tenantsika mihitsy aza raha tsy miorina mafy ao amin' ny finoan' i Kristy isika.

28 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia dia lasana izy, ary nampaniraka koa tany amin' ny faritra rehetra teo amin' ny tany izay nisy fisaraham-bazana sy namory miaraka ny olon-drehetra izay naniry ny hitana ny fahafahany, mba hitsangana hanohitra an' Amalikià sy ireo izay efa niendaka izay nantsoina hoe Amalikiahita.

29 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita i Amalikià fa ny olon' i Môrônia dia maro an' isa kokoa noho ny Amalikiahita — ary nahita koa fa ny olony dia feno fisalasalana ny amin' ny fahamarinan' ny foto-kevitra izay

23a Gen. 49:22-26;
1 Ne. 5:14-15.
b TSM Josefa,
Zanakalahin' i

Jakoba.
d Gen. 37:3, 31-36.
24a Amo. 5:15;
3 Ne. 5:21-24; 10:17.

b 2 Ne. 3:5-24;
Etera 13:6-7.

efa niandaniany — koa, noho ny fahatahorany fa tsy ho tratra ny tanjona, dia naka ireo tamin' ny olony izay nety izy, ary niainga nankany an-tanin' i Nefita.

30 Ankehitriny dia nihevitra i Môrônia fa tsy tsara ny tokony hananan' ny Lamanita tanjaka misimisy kokoa; koa noheveriny ny hanapa-dalana ny olon' i Amalikià, na ny haka azy ireo sy ny hitondra azy ireo miverina, ary ny hamono ho faty an' i Amalikià; eny, satria fantany fa hamoky ny Lamanita ho tezitra aminy izy ary hanao izay hahatongavany hiady aminy; ary izany dia fantany fa hataon' i Amalikià mba hahazoany manatanteraka ny fikasany.

31 Noho izany dia nihevitra i Môrônia fa ilaina ny hitondra-ny ny miaramilany izay efa niara-nivory ka nampirongo fiadiana ny tenany, ary nanao dina fa hitandro ny fandriampahalemana — ary ny zava-nitranga dia nentiny ny miaramilany ary nandeha izy niaraka tamin' ny lainy nankany an-tany foana mba hanapa-dalana an' i Amalikià any an-tany foana.

32 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny faniriany izy sy nandeha nankany an-tany foana ary nialoha lalana ny miaramilan' i Amalikià.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandositra niaraka tamin' ny vitsivitsy tamin' ny olony i Amalikià, ary ny sisa dia natolotra ho eo an-tanan' i Môrônia sy

nentina niverina tany an-tanin' i Zarahemlà.

34 Ankehitriny, i Môrônia dia olona “notinendrin' ny lohan' ny mpitsara sy ny feon' ny vahoaka, noho izany izy dia nanam-pahefana tamin' ny miaramilan' ny Nefita araka ny sitrapony mba hampiorina sy hampihatra fahefana aminy.

35 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy tamin' ny Amalikiahita no tsy nety nanao fane-kempihavanana mba hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana mba hahazoany mitana ny fitondrana afaka, dia nasainy novonoina ho faty; ary tsy nisy afa-tsy vitsivitsy no nandà ny dinan' ny fahafahana.

36 Ary ny zava-nitranga koa dia nasainy natsangana teny amin' ny tilikambo tsirairay izay nisy teo amin' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita ny fanevan' ny fahafahana; ary dia toy izany no nananganan' i Môrônia ny fanevan' ny fahafahana teo anivon' ny Nefita.

37 Ary nanomboka ho nanana fandriampahalemana indray izy ireo teo amin' ny tany; ary dia toy izany no nitanany ny fandriampahalemana teo amin' ny tany, saiky hatrany amin' ny faran' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

38 Ary i Helamàna sy ny “mpisorona avo dia nitana koa ny fandaminana tao amin' ny fiangonana; eny, nandritra ny efa-taona mihitsy no nana-

nany fandriampahalemana sy fifaliana betsaka tao amin' ny fiangonana.

39 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro ireo izay nodimandry no "nino mafy tokoa fa ny fanahiny dia efa navotan' i Jesoa Kristy Tompo; dia toy izany no nandaozany izao tontolo izao tamim-pifaliana.

40 Ary nisy ny sasany izay matin' ny tazo, izay tena nateti-piavy teo amin' ny tany tamin' ny tonon-taona sasany tamin' ny taona—nefa tsy dia noho ny tazo loatra, noho ny toetra fanaperan' ny faka sy ny "zavamaniry maro izay efa nomanin' Andriamanitra mba hanaisotra ny fototr' aretina, izay mpanjo ny olona noho ny asan' ny toetr' andro—

41 Fa nisy maro kosa izay nodimandry tao amin' ny fahantetrana; ary ireo izay nodimandry tao amin' ny finoana an' i Kristy dia "sambatra ao Aminy, toy ny tsy maintsy ilana ny iheverantsika izany.

TOKO 47

Nampiasa fivadihana, vonoan' olona sy fiokoana i Amalikià mba ho tonga mpanjakan' ny Lamanita—Ratsy sy lozabe kokoa noho ny Lamanita ny mpiendaka Nefita. Tokony ho 72 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY isika dia hiverina ao amin' ny rakitsoratsika any amin' i Amalikià sy ireo izay efa "nandositra niaraka taminy nan-

kany an-tany foana; fa, indro, efa naka ireo izay nandeha niaraka taminy izy ary nandeha niakatra tany an^btanin' i Nefia teo anivon' ny Lamanita, sy namoky ny Lamanita ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Nefia izy, hany ka nandefa filazana eran' ny taniny manontolo ny mpanjakan' ny Lamanita, tany anivon' ny olony rehetra, fa tokony hiara-mivory indray izy mba handeha hiady amin' ny Nefita.

2 Ary ny zava-nitranga, rehefa nandeha tany anivony ny filazana, dia natahotra izaitsizy tokoa izy; eny, natahotra izy ny hampahasotra ny mpanjaka, ary natahotra koa izy ny handeha hiady amin' ny Nefita fandrao hafoiny ny ainy. Ary ny zava-nitranga dia tsy nety izy, na ny ankamaroany dia tsy nety nankatò ny didin' ny mpanjaka.

3 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nisafoaka ny mpanjaka noho ny tsy fankatoavany; koa nomeny an' i Amalikià ny fibaikoana ilay ampahany tamin' ny miaramilany izay nankatò ny baikony ary nodidiany izy handeha sy hanery azy handray fiadiana.

4 Ankehitriny, indro, izany no fanirian' i Amalikià; fa tena famantsilahy tamin' ny fanaovan-dratsy izy, noho izany dia novolavolainy anakampo ny tetika hanonganana ny mpanjakan' ny Lamanita.

5 Ary ankehitriny izy dia efa nahazo ny fibaikoana ireo ampahan' ny Lamanita izay nan-

kasitraka ny mpanjaka; ary nikatsaka ny hahazo ny fankasitrahan' ireo izay tsy nankatò izy; koa nandeha izy nankany amin' ny toerana izay nantsoina hoe "Ônidà, fa tany no efa nandosiran' ny Lamanita rehetra; satria hitany ny fiavian' ny miaramila, ary noho ny fiheverany fa tonga izy mba hamongotra azy ireo, dia nandositra tany Ônidà izy ireo, tany amin' ny toeran' ny fiadiana.

6 Ary efa notendreny ho mpanjaka sy ho mpitondra azy ireo ny lehilahy iray, rehefa nohamafisiny tao an-tsainy ny fahatapahan-kevitra hentitra fa izy ireo dia tsy hoterena handeha hanohitra ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia efa niara-nivory teo an-tampon' ny havoana izay nantsoina hoe Antipasy izy ireo, ho fiomanana amin' ny ady.

8 Ankehitriny dia tsy fikasan' i Amalikià ny hamaky ady aminy araka ny didin' ny mpanjaka; fa indro ny fikasany kosa dia ny hahazo ny fankasitrahan' ny miaramilan' ny Lamanita mba hahazoany mametraka ny tenany ho filohany ary manongana ny mpanjaka sy mandray ny fizakana ny fanjakana.

9 Ary indro, ny zava-nitranga dia nasainy nanangana ny lainy tao an-dohasaha izay akaikin' ny havoanan' i Antipasy ny miaramilany.

10 Ary ny zava-nitranga nony alina dia nandefa iraka mifaina tany amin' ny havoanan' i An-

tipasy izy, naniry ny mpitondra an' ireo izay teo amin' ny havoana, izay i Lehôntia no anarany, hidina eo am-pototry ny havoana, fa naniry ny hiresaka aminy izy.

11 Ary ny zava-nitranga, nony nandray ny hafatra i Lehôntia dia, tsy sahy nandeha nidina teo am-pototry ny havoana izy. Ary ny zava-nitranga dia naniraka fanindroany indray i Amalikià, naniry azy hidina. Ary ny zava-nitranga dia tsy nety i Lehôntia; ary naniraka fanintelony indray izy.

12 Ary ny zava-nitranga, nony nahita i Amalikià fa tsy afaka nampidina an' i Lehôntia avy teny amin' ny havoana izy, dia nandeha niakatra teny amin' ny havoana izy, saiky hatreo amin' ny tobin' i Lehôntia; ary nandefa ny hafany faninefany ho an' i Lehôntia indray izy, naniry ny hidinany sy ny hitondrany ny mpiambina azy miaraka aminy.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa tafidina niaraka tamin' ny mpiambina azy hatreo amin' i Amalikià i Lehôntia, dia nirian' i Amalikià izy mba hidina miaraka amin' ny miaramilany mandritra ny alina sy hanemitra manodidina ireo olona ao amin' ny tobiny ireo, izay ny mpanjaka no efa nanome azy ny fibaikoana, fa hatolony ho eo an-tanan' i Lehôntia izy ireo, raha manao azy (i Amalikià) ho mpitondra faharoa amin' ny miaramila manontolo izy.

14 Ary ny zava-nitranga dia

nidina niaraka tamin' ny olony i Lehôntia sy nanemitra manodidina ny olon' i Amalikià, hany ka talohan' ny nifohazan' izy ireo tamin' ny vao mangiran-dratsy io andro io, dia efa voatemitry ny miaramilan' i Lehôntia manodidina izy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga nony hitany fa efa voatemitra manodidina izy ireo, dia nitalaho tamin' i Amalikià izy ireo mba hamelany azy ireo hiaraka amin' ny rahalahiny, mba tsy hamongorana azy ireo. Ankehitriny dia izany no tena zavatra izay nirian' i Amalikià.

16 Ary ny zava-nitranga dia natolony ny olony, izany dia "nifanohitra tamin' ny baikon' ny mpanjaka. Ankehitriny dia izany no zavatra nirian' i Amalikià mba hahazoany mananton-tosa ny tetiny amin' ny fanonganana ny mpanjaka.

17 Ankehitriny dia fanao teo anivon' ny Lamanita, rehefa maty ny filoha mpitondra azy, ny manendry ny mpitondra faharoa ho filoha mpitondra azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Amalikià nomen' ny iray tamin' ny mpanompony poizina tsikelikely i Lehôntia ka dia maty izy.

19 Ankehitriny, rehefa maty i Lehôntia, dia notendren' ny Lamanita i Amalikià ho mpitondra azy sy ho filoha mpifehy azy.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niaraka tamin' ny miaramilany i Amalikià (fa efa azony izay niriany) nankany

an-tanin' i Nefia, nankao antanànan' i Nefia, izay tanàna renivohitra.

21 Ary nivoaka ny mpanjaka mba hitsena azy niaraka tamin' ny mpiambina azy, satria nihevitra izy fa efa notanterahin' i Amalikià ny baikony, ary i Amalikià dia efa naha-tafavory miaramila maro tokoa mba handeha hiady amin' ny Nefita.

22 Nefa indro, raha nivoaka ny mpanjaka mba hitsena azy, dia nasain' i Amalikià nandroso ny mpanompony mba hitsena ny mpanjaka. Ary nandeha ireo sy niankohoka teo anoloan' ny mpanjaka, toy ny hitsaoka azy noho ny halehibeny.

23 Ary ny zava-nitranga dia natolotry ny mpanjaka ny tanany hampitsangana azy ireo, toy ny fanao teo amin' ny Lamanita, ho famantaran' ny fandriampahalemana, izay fanao efa nalainy tamin' ny Nefita.

24 Ary ny zava-nitranga, raha nampitsangana ny voalohany tamin' ny tany ny mpanjaka, dia indro notrobarany teo amin' ny fony ny mpanjaka; ary dia lavo tamin' ny tany izy.

25 Ankehitriny dia nandositra ny mpanompon' ny mpanjaka; ary nanainga ny hiakany ny mpanompon' i Amalikià, nanao hoe:

26 Indro, efa notrobaran' ny mpanompon' ny mpanjaka teo amin' ny fony izy, ary lavo izy ary efa nandositra ireo; indro, avia ka jereo.

27 Ary ny zava-nitranga dia

nandidy ny miaramilany handroso i Amalikià sy hijery izay efa nanjo ny mpanjaka; ary nony efa tonga teo an-toerana ireo sy nahita ny mpanjaka nandry teo amin' ny rany, dia mody nisafoaka i Amalikià ary nanao hoe: Na zovy na zovy no tia ny mpanjaka, dia aoka izy handroso sy hanenjika ny mpanompony mba hahazoana mamono azy ireny.

28 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandre izany teny izany ireo rehetra izay tia ny mpanjaka, dia nandroso sy nanenjika ny mpanompon' ny mpanjaka avy tato aoriana.

29 Ankehitriny nony nahita ny miaramila nanenjika azy ireo avy tato aoriana ny mpanompon' ny mpanjaka, dia raikitahotra indray izy ireo ary nandositra nankany an-tany foana, ka tonga tany an-tanin' i Zarahemlà sy nikambana tamin' ny "vahoakan' i Amôna.

30 Ary niverina ny miaramila izay nanenjika azy ireo avy tato aoriana, rehefa sasa-poana nanenjika azy ireo avy tato aoriana; ary dia toy izany no nahazoan' i Amalikià ny fon' ny olona tamin' ny famitahany.

31 Ary ny zava-nitranga, nony ampitso, dia niditra ny tanànan' i Nefia izy niaraka tamin' ny miaramilany ary nandray ny fizakana ny tanàna.

32 Ary ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre ny mpanjakavavy fa efa maty ny mpanjaka — satria i Amalikià

dia efa nandefa iraka nankany amin' ny mpanjakavavy nampahafantatra azy fa ny mpanjaka dia efa novonoin' ny mpanompony, fa efa nenjehiny niaraka tamin' ny miaramilany izy ireny, nefa dia zava-poana izany, ary efa afa-nandositra izy ireny —

33 Koa nony efa nandray izany hafatra izany ny mpanjakavavy dia nampaniraka tany amin' i Amalikià, naniry azy mba hitsimbiny ny mponina ao antanàna; ary naniry azy koa izy mba hahatongavany ao aminy; ary naniry azy koa ny hitondrany vavolombelona miaraka aminy hanambara ny amin' ny fahafatesan' ny mpanjaka.

34 Ary ny zava-nitranga dia nalain' i Amalikià ilay mpanompo izay namono ny mpanjaka ihany sy ireo rehetra izay niaraka taminy, ary nankao amin' ny mpanjakavavy izy ireo, nankao amin' ny toerana izay nipe-trahany; ary nanambara taminy izy rehetra fa efa novonoin' ny mpanompony ihany ny mpanjaka; ary hoy koa ireo: Efa nandositra izy ireny; moa va izany tsy vavolombelona miampanga azy ireny? Ary dia toy izany no efa nanomezany fahafaham-po ny mpanjakavavy momba ny fahafatesan' ny mpanjaka.

35 Ary ny zava-nitranga dia nikatsaka ny fankasitranan' ny mpanjakavavy i Amalikià ary naka azy ho vadiny, ary dia toy izany, tamin' ny alalan' ny famitahany sy tamin' ny alalan'

ny fanampian' ny mpanompony fetsy, no nahazoany ny fanjakana; eny, izy dia nekena ho mpanjaka nanerana ny tany manontolo, tany anivon' ny vahoakan' ny Lamanita rehetra izay "nahitana ny Lamanita sy ny Lemoelita ary ny Ismaelita, ary ny mpiendaka rehetra tamin' ny Nefita, hatramin' ny nanjakan' i Nefia ka hatramin' ny fotoana ankehitriny.

36 Ankehitriny ireo "mpien-daka ireo dia nahazo fampianarana iray ihany sy fahalalana iray ihany tamin' ny Nefita, eny, rehefa nampianarina tao amin' ny ^bfahalalana iray ihany momba ny Tompo, na dia teo aza izany, dia hafahafa ny milaza fa tsy ela taorian' ny fiendahany dia nanjary mafy fo sy ^dtsy valahara kokoa izy ireo, ary baribariana, ratsy sy lozabe kokoa noho ny Lamanita — nigoka ny fomban' ny Lamanita, nanome vahana ny hakamoana sy ny fomban' ny fahalotoam-pitondratena rehetra; eny, nanadino tanteraka ny Tompo Andriamaniny.

TOKO 48

Nambosy ny Lamanita hanohitra ny Nefita i Amalikià — Nanomana ny olony hiaro ny foto-kevitra ny Kristiana i Môrônia — Nifaly tao amin' ny fahafahana sy ny fahalalahana izy ary nanjary lehilahy maherin' Andriamanitra. Tokony ho 72 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitran-

ga raha vantany vao nahazo ny fanjakana i Amalikià, dia nanomboka nanentana ny fon' ny Lamanita izy hanohitra ny vahoakan' i Nefia; eny, nanendry olona izy mba hiteny amin' ny Lamanita avy teny amin' ny tili-kambony, hanohitra ny Nefita.

2 Ary dia toy izany no nanentanany ny fony hanohitra ny Nefita, hany ka tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara, satria efa notontosainy ny tetiny hatrizao, eny, satria efa natao mpanjaka teo amin' ny Lamanita izy, dia nokatsahiny koa ny hanjaka manerana ny tany manontolo, eny, sy amin' ny vahoaka manontolo izay teo amin' ny tany, ny Nefita ary koa ny Lamanita.

3 Koa efa notontosainy ny tetiny, satria efa nohamafisiny ny fon' ny Lamanita ary nohamabainy ny sainy ary nentaniny izy ireo ho tezitra, hany ka efa naha-tafavory miaraka miaramila maro izy handeha hiady amin' ny Nefita.

4 Fa tapa-kevitra izy, noho ny habetsahan' ny isan' ny olony, ny handresy ny Nefita sy ny hamarina azy any amin' ny famatorana.

5 Ary dia toy izany no nanendreny ny "lohan' ny kapiteny tamin' ny Zôramita, noho izy ireo tena nahalala ny tanjaky ny Nefita sy ny toerana fialoka-lofany, ary ny faritra malemy indrindra amin' ny tanànanany; koa notendreny izy ireo ho

35a Jakôba 1:13–14.
36a TSM Apôstazia.

b Heb. 10:26–27;
Almà 24:30.

d Jer. 8:12.
48 5a Almà 43:6.

lohan' ny kapiteny amin' ny miaramilany.

6 Ary ny zava-nitranga dia naka ny tobiny izy ireo ary nizotra nankany an-tanin' i Zarahemlà tany an-tany foana.

7 Ankehitriny ny zava-nitranga raha nahazo fahefana toy izany tamin' ny famitahana sy ny fanambakana i Amalikià, i Môrônia kosa ankilany dia efa "nanomana ny sain' ny vahoaka ho mahatoky amin' ny Tompo Andriamaniny.

8 Eny, efa nohatanjahiny ny miaramilan' ny Nefita sy naoriny ny toera-mimanda kely, na toerana fialokalofana; tamin' ny fananganana ampian-tany manodidina mba hamefy ny miaramilany ary koa ny fananganana rindrim-bato mba hahodidina azy, manodidina ny tanànanany sy ny faritry ny sisin-taniny; eny, manodidina ny tany.

9 Ary tany amin' ny toerany mimanda malemy indrindra no nametrahany ny ankamaroan' ny lehilahy; ary dia toy izany no nanamafisany sy nanatanjahany ny tany izay nozakain' ny Nefita.

10 Ary dia toy izany no niomanany "hanohana ny fahafahany, ny taniny, ny vadiny, sy ny zanany ary ny fandriampahalemany mba hahazoan' ireo miaina ho an' ny Tompo Andriamaniny sy mba hahazoan' ireo mitana izay efa nantsoin' ny

fahavalony hoe ny foto-kevitry ny Kristiana.

11 Ary i Môrônia dia lehilahy matanjaka sy mahery; lehilahin' ny "fahatakarana-tsaina fanaperana izy; eny, lehilahy izay tsy mba finaritra tamin' ny fandatsahan-dra; lehilahy izay nana-na ny fanahiny nifaly tao amin' ny fahalalahana ary ny fanafahana ny taniny sy ny rahalahiny tamin' ny fanandevozana sy ny fanompoana;

12 Eny, lehilahy izay nanana ny fony ampoky ny fanaterantsaotra ho an' Andriamaniny, noho ny tombontsoa sy ny fitahiana maro izay nomeny ny olony; lehilahy izay nilofo izaitsizy tokoa ho "fanasoavana sy ho filaminan' ny olony.

13 Eny, ary izy dia lehilahy izay niorina mafy tao amin' ny finoana an' i Kristy, ary efa "nianianany tamin' ny velirano ny hiaro ny olony, ny zony sy ny faritaniny ary ny fivavahany, na dia hatramin' ny fahaverezan' ny rany aza izany.

14 Ankehitriny dia nampianarina ny Nefita ny hiaro ny tenany amin' ny fahavalony, na dia hatramin' ny fandatsahan-dra aza raha ilaina; eny, ary nampianarina azy koa ny tsy hanome fanafintohinana "na oviana na oviana, eny, sy ny tsy hanainga sabatra na oviana na oviana afa-tsy amin' ny fahavalo, afa-tsy ho fitsimbinana ny ainy.

15 Ary izao no finoany, fa

7a Almà 49:8.

10a Almà 46:12-13.

11a TSM Fahatakarana.

12a TSM Asa

Fanasoavana.

13a Almà 46:20-22.

14a Almà 43:46-47;

3 Ne. 3:20-21;

Môrm. 3:10-11;

F&F 98:16.

amin' ny fanaovana izany dia hanambina azy amin' ny tany Andriamanitra na amin' ny teny hafa, raha mahatoky izy amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra dia Izy no hanambina azy eo amin' ny tany; eny, hampandre azy mialoha mba handositra, na hiomana ho amin' ny ady, arakaraka ny loza eo aminy;

16 Ary koa, fa Andriamanitra no hampahafantatra azy, izay tokony halehany hiarovany ny tenany amin' ny fahavalony, ary amin' ny fanaovana izany, ny Tompo dia hanafaka azy; ary izany no finoan' i Môrônia, ary ny fony dia nirehareha tamin' izany; "tsy tamin' ny fandatsahan-dra fa tamin' ny fanaovana ny tsara kosa, tamin' ny fitsimbinana ny olony, eny, tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, eny, sy tamin' ny fanoherana ny heloka.

17 Eny, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha ny olon-drehetra no efa nitovy sy nitovy ary ho nitovy mandrakizay tamin' i Môrônia dia indro, ny fahefan' ny helo mihitsy no efa ho nohozongozonina mandrakakizay; eny, ny "devoly dia tsy ho nanam-pahefana na oviana na oviana tamin' ny fon' ny zanak' olombelona.

18 Indro, izy dia lehilahy taha-ka an' i Amôna, zanakalahin' i Môsià, eny, sy ny zanakalahin' i Môsià hafa aza, eny, ary koa i Almà sy ny zanany lahy, fa

ireo dia lehilahin' Andriamanitra avokoa.

19 Ankehitriny indro, i Helamàna sy ny rahalahiny dia tsy latsa-danja noho i Môrônia tamin' ny fanompoana ny vahoaka; fa nitory ny tenin' Andriamanitra izy ireo sy nanao batisa ny olon-drehetra ho amin' ny fibebahana, na zovy na zovy no nety nihaino ny teniny.

20 Ary dia toy izany no nandrosoan' izy ireo, ary ny vahoaka dia "nanetry tena noho ny teniny, hany ka dia ^bnankasitrahan' ny Tompo fatratra izy, ary dia izany no nahafaka azy tamin' ny ady sy ny fifandirana teo anivon' izy samy izy, eny, nandritra ny efa-taona mihitsy.

21 Nefa toy izay efa nolazaiko, tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy ambin' ny folo, eny, na dia teo aza ny fandriampahalemana teo anivon' izy samy izy, dia voatery izy hiady tamim-pahalainana tamin' ny Lamanita rahalahiny.

22 Eny, raha fintinina, ny adiny tamin' ny Lamanita dia tsy nitsahatra na oviana na oviana nandritra ny taona maro, na dia teo aza ny fahalainany fatratra.

23 Ankehitriny dia "nalahelo izy ny handray fiadiana hano-hitra ny Lamanita, satria tsy finaritra tamin' ny fandatsahan-dra izy; eny, ary tsy izay ihany—nalahelo izy natao fitaovana nandefasana ny maro tokoa tamin' ny rahalahiny hiala izao tontolo izao hankany amin' ny tontolo mandrakizay,

tsy niomana ny hihaona amin' Andriamaniny.

24 Kanefa tsy ho hainy ny hiaritra ny hanolorana ny ainy, satria ny “vady aman-janany dia horinganin’ ny halozana sy ny habibian’ ireo izay rahalahiny fahiny, eny, sy efa ^bniendaka tamin’ ny fiangonany ary efa nandao azy sy efa lasana mba hamongotra azy tamin’ ny nikambanany tamin’ ny Lamanita.

25 Eny, tsy ho azony zakaina ny hifalian’ ny rahalahiny amin’ ny ran’ ny Nefita, raha mbola mety hisy koa izay hitandrina ny didin’ Andriamanitra, satria ny fampanantenan’ ny Tompo dia ny hoe raha mitandrina ny didiny izy, dia hiroborobo eo amin’ ny tany.

TOKO 49

Tsy nahafaka ny tanàna mmandan’ i Amônihà sy i Noà ny mpanani-bohitra Lamanita — Nanozonan’ Andriamanitra i Amalikià ary nianiana ny hisotro ny ran’ i Môrônia — Nanohy ny fampaherezana ny fiangonana i Helamàna sy ny rahalahiny. Tokony ho 72 talohan’ i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin’ ny volana fahiraika ambin’ ny folon’ ny taona fahasivy ambin’ ny folo, tamin’ ny andro fahafolon’ ny volana, dia tazana nanatona ny tanin’ i Amônihà ny miaramilan’ ny Lamanita.

2 Ary indro, efa narenina ny

tanàna, ary efa nametraka miamila tao akaikin’ ny sisintanin’ ny tanàna i Môrônia, ary efa nanangana ampiantany manodidina izy ireo hiaro azy ireo amin’ ny zana-tsipika sy ny vatôn’ ny Lamanita; satria indro, niady tamin’ ny vato sy tamin’ ny zana-tsipika izy ireo.

3 Indro, nolazaiko fa efa narenina indray ny tanànan’ i “Amônihà. Lazaiko aminareo, eny, fa efa narenina ampahany izany; ary satria efa noravan’ ny Lamanita indray mandeha izany noho ny heloky ny mpoinina, dia noheveriny fa hanjary haza mora ho azy indray izany.

4 Nefa indro, akory ny halehiben’ ny fahadisoam-panantenany; satria indro, efa natsangan’ ny Nefita manodidina azy ny fefy tany, izay avo loatra ka tsy nahafahan’ ny Lamanita nanipy ny vatony sy ny tsipikany tany aminy mba hisy vokany ireny, sady tsy nahafahany nanafika azy raha tsy teo amin’ ny toerana fidirana.

5 Ankehitriny, tamin’ izay fotoana izay ny lohan’ ny kapitenin’ ny Lamanita dia talanjona izaitsizy tokoa, noho ny fahendren’ ny Nefita tamin’ ny fano-manany ny toeram-piarovany.

6 Ankehitriny dia noheverin’ ny mpitondra ny Lamanita, noho ny hamaroan’ ny isany, eny, noheveriny fa hanan-tombo amin’ ny fanafihana azy izy toy ny efa nataony hatrizao; eny, ary efa nomaniny koa ny tenany niaraka tamin’ ny ampinga, sy

niaraka tamin' ny saron-tratra; ary efa nomaniny ny tenany niaraka tamin' ny fitafiana hodi-tra, eny, fitafiana tena matevina mba hanarona ny fitanjahany.

7 Ary satria efa vita omana toy izany izy, dia noheveriny fa ho resiny sy hofeheziny mora foana amin' ny ziogan' ny famatorana ny rahalahiny, na hovooiny sy haripany araka ny sitrapony.

8 Nefa indro, akory ny fitalanjonany tanteraka, fa "vita omana izy hiatrika azy tamin' ny fomba izay tsy fahita na oviana na oviana teo anivon' ny zanak' i Lehia. Ankehitriny dia vita omana izy hiatrika ny Lamanita, hiady araka ny torolalan' i Môrônia.

9 Ary ny zava-nitranga dia talanjona izaitsizy tokoa ny Lamanita sy ny Amalikiahita tamin' ny fomba fiomanany ho amin' ny ady.

10 Ankehitriny, raha i Amalikià mpanjaka no nidina nivoaka ny "tanin' i Nefia, nialoha lalana ny miaramilany, dia angamba ho efa nasainy notafihan' ny Lamanita ny Nefita tao an-tanànan' i Amônihà; satria indro, tsy nahoany ny ran' ny olony.

11 Nefa indro, izy Amalikià tenany dia tsy nidina mba hiady. Ary indro, ny lohan' ny kapiteniny dia tsy sahy nanafika ny Nefita tao an-tanànan' i Amônihà, satria efa novan' i Môrônia ny fitantanan-draharaha teo anivon' ny Nefita, hany ka diso fanantenana noho ny toerana

fialofany ny Lamanita ary tsy afaka nanafika azy izy.

12 Koa nisintona tany an-tany foana, sy nitondra ny tobiny ary nandeha nankany an-tanin' i Noà izy, noho ny fiheverana fa izany no toerana manaraka tsara indrindra ho azy hanafihana ny Nefita.

13 Satria tsy fantany fa i Môrônia dia efa nanamafy, na efa nanorina "mandam-piarovana ho an' ny tanàna tsirairay tany amin' ny tany rehetra manodidina; noho izany dia nandeha izy nankany an-tanin' i Noà niaraka tamin' ny fahatapahan-kevitra hentitra; eny, nandroso sy nanao fianianana ny lohan' ny kapiteniny fa hofongorany ny mponin' izany tanàna izany.

14 Nefa indro, akory ny fitalanjonany, ny tanànan' i Noà izay efa toerana malemy hatri-zao, noho ny ezak' i Môrônia dia efa tonga matanjaka, eny, manaoatra noho ny tanjaky ny tanànan' i Amônihà aza.

15 Ary ankehitriny, indro, izany dia fahendrena tao amin' i Môrônia; satria efa noeritrerety fa ho raiki-tahotra eo anoloan' ny tanànan' i Amônihà izy; ary satria ny tanànan' i Noà no efa faritra malemy indrindra teo amin' ny tany hatrizao, noho izany dia nandeha nankany izy hiady; ary izany dia araka ny faniriany.

16 Ary indro, efa nanendry an' i Lehia ho lohan' ny kapiteny tamin' ny lehilahin' izany tanàna izany i Môrônia; ary io

Lehia io "ihany ilay niady tamin' ny Lamanita tao an-dohasaha, tao atsinanan' ny renirano Sidôna.

17 Ary ankehitriny, indro, ny zava-nitranga, nony efa nahita ny Lamanita fa i Lehia no nibaiko ny tanàna, dia diso fanantenana indray izy, fa natahotra an' i Lehia izaitsizy tokoa izy; kanefa ny lohan' ny kapiteniny dia efa nianiana tamin' ny velirano fa hanafika ny tanàna; noho izany dia nentiny ny miaramilany.

18 Ankehitriny indro, ny Lamanita dia tsy afaka niditra tao amin' ny mandam-piarovany tamin' ny lalan-kafa afa-tsy teo amin' ny fidirana, noho ny haavon' ny ampiantany izay efa natsangana sy ny halalin' ny hadivory izay efa nohadiana manodidina, afa-tsy teo amin' ny fidirana.

19 Ary dia toy izany no nio-manan' ny Nefita hamongotra izay rehetra manandrana ny hianika mba hiditra ny toerana mimanda amin' ny lalan-kafa, amin' ny alalan' ny fitorahana azy vato sy zana-tsipika.

20 Dia toy izany no niomanany, eny, ny andian' ny lehilahiny matanjaka indrindra, niaraka tamin' ny sabany sy ny antsamotadiny, handoboka izay rehetra manandrana ny hiditra ny toeram-piarovany eo amin' ny toeram-pidirana; ary dia toy izany no niomanany hiaro ny tenany amin' ny Lamanita.

21 Ary ny zava-nitranga, dia

nitondra ny miaramilany teo anoloan' ny toeram-pidirana ireo kapitenin' ny Lamanita ary nanomboka niady tamin' ny Nefita mba hiditra ny toeram-piarovana; nefa indro, voatosika hiverina ombieny ombieny izy ireo ka naringana tamin' ny fandranganana goavana.

22 Ankehitriny, nony hitany fa tsy afaka ny hanana fahefana amin' ny Nefita eo amin' ny fidirana izy ireo, dia natombony ny fandabohana ny ampiantany mba hahazoany lalana ho an' ny miaramilany, ka hahazoany zara mitovy eo amin' ny ady; nefa indro, tamin' ireny andrana ireny izy ireo dia voalamaky ny vato sy ny zana-tsipika izay natoraka azy ireo; ary raha ampiantany nazera no tokony hameno ny hadivoriny, dia nofenoina tamin' ny maty teo aminy sy ny vatana naratra ny ampahany.

23 Dia toy izany no efa nananan' ny Nefita ny fahefana rehetra tamin' ny fahavalony; ary dia toy izany no nanandraman' ny Lamanita namongotra ny Nefita mandra-pamono ny lohan' ny kapiteny rehetra; eny, ary nihoatra ny an' arivony tamin' ny Lamanita no voavono; raha ankilany kosa dia tsy nisy na dia singan' olona iray aza tamin' ny Nefita voavono.

24 Nisy sahabo ho dimampolo no naratra satria nihanjahanja ho an' ny zana-tsipikan' ny Lamanita izy ireo teo amin' ny fidirana, nefa izy ireo dia

narovan' ny ampingany sy ny saron-tratrany ary ny satrobiny, hany ka ny ratrany dia teny amin' ny ranjony, maro taminy no tena lalina.

25 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa novonoina daholo ny lohan' ny kapiteniny, dia nandositra nan-kany an-tany foana izy. Ary ny zava-nitranga dia niverina tany an-tanin' i Nefia izy mba hampahalala an' i Amalikià mpanjakany izay Nefita ara-pahate-rahana, ny momba ny famoizany lehibe.

26 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa tamin' ny olony izy, noho izy tsy nahazo izay niriany tamin' ny Nefita; tsy nahafehy azy tamin' ny ziogan' ny famatorana izy.

27 Eny, nisafaoka izaitsizy tokoa izy sy "nanozona an' Andriamanitra ary koa an' i Môrônia, niozonozona tamin' ny ^bfianianana fa hosotroiny ny rany; ary izany dia noho i Môrônia efa nitandrina ny didin' Andriamanitra tamin' ny fano-manana ny fiarovana ny olony.

28 Ary ny zava-nitranga andaniny dia "nisaotra ny Tompo Andriamaniny ny vahoakan' i Nefia, noho ny heriny tsy manan-tsahala tamin' ny nana-fahany azy teo an-tanan' ny fahavalony.

29 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

30 Eny, ary nisy fandriampahalemana lalandava teo anivony sy fandrosoana be izaitsizy tokoa tao amin' ny fiangonana noho ny fitandremanany sy ny fahazotoany izay nasehoany tamin' ny tenin' Andriamanitra, izay nambara azy tamin' ny alalan' i Helamàna sy i Siblôna ary i Kôriantôna, ary i Amôna sy ny rahalahiny, eny, sy tamin' ny alalan' ireo rehetra izay efa notendren' ny "lamina masin' Andriamanitra, rehefa vita batisa ho amin' ny fibebahana sy nirahina mba hitory tany anivon' ny vahoaka.

TOKO 50

Nanamafy ny tanin' ny Nefita i Môrônia—Naoriny ny tanàna vaovao maro—Ady sy faharavana no nianjady tamin' ny Nefita tamin' ny andron' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany—Noresen' i Teankoma i Môriantôna sy ny mpiendaka mpomba azy—Nodimandry i Nefihà, ary i Pahôràna zanany lahy no nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana. Tokony ho 72–67 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia tsy nitsahatra ny manao fiomanana ho amin' ny ady i Môrônia, na ny miaro ny olony tamin' ny Lamanita; fa nataony izay hanombohan' ny miaramilany, tamin' ny fiandohan' ny taona faharoapolon' ny fitondran' ny mpitsara, izay hanombohany manangana ampiantany

27a TSM Manevateva.
b Asa 23:12.

28a TSM Misaotra.
30a Almà 43:2.

manodidina ny tanàna rehetra eran' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita.

2 Ary teo an-tampon' ireo fefy tany ireo dia nasainy nasiana vatan-kazo, eny rafi-batan-kazo natsangana hatreo amin' ny haavon' ny olona iray, manodidina ny tanàna.

3 Ary teo ambonin' ireo rafi-batan-kazo ireo dia nasainy nasiana rafitra tsatoka natsangana teo ambonin' ny vatan-kazo manodidina; ary mafy sy avo ireo.

4 Ary nasainy natsangana ny tilikambo izay nahatazanana ireo rafitra tsatoka ireo, ary nasainy naorina teo ambonin' ireo tilikambo ireo ny toeram-piarovana mba tsy hahafahan' ny vato sy ny zana-tsipikan' ny Lamanita mandratra azy ireo.

5 Ary ireny dia nomanina mba hahafahany mitoraka vato avy teny an-tampony, araka ny sitrapony sy ny heriny, ary mamono izay manandrana ny hanatona akaiky ny rindrin' ny tanàna.

6 Dia toy izany no nanomanan' i Môrônia ny toeram-pamaharana hiatrehana ny fiavian' ny fahavalony, manodidina ny tanàna tsirairay tany amin' ny tany rehetra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Môrônia nandeha nan-kany an-tany foana atsinanana ny miaramilany; eny, ary nandeha ireo sy nanosika ny Lamanita rehetra izay tao an-tany foana atsinanana hankany amin' ny taniny avy, izay tao atsimon' ny tanin' i Zarahemlà.

8 Ary ny tanin' i Nefia dia nitomandavana mahitsy avy tany amin' ny ranomasina atsinanana no niankandrefana.

9 Ary ny zava-nitranga, nony efa voatosik' i Môrônia ny Lamanita rehetra hiala ny tany foana atsinanana, izay tao avaratry ny tany izay fananany ihany dia nasainy nandeha nan-kany an-tany foana atsinanana ny mponina izay tao amin' ny tanin' i Zarahemlà sy tamin' ny tany manodidina na dia hatrany amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina aza, ary hizaka ny tany.

10 Ary nametrahany miaramila koa tao atsimo, tao amin' ny sisin-tanin' ny fananany, ary nasainy nanangana "toerana mimanda ireo mba hahazoany miaro ny miaramilany sy ny vahoakany amin' ny tanan' ny fahavalony.

11 Ary dia toy izany no nankanany monina ny toeram-pamaharan' ny Lamanita tao an-tany foana atsinanana, eny, ary koa tao andrefana, nanamafisany ny faritra nanelanelana ny Nefita sy ny Lamanita, nanelanelana ny tanin' i Zarahemlà sy ny tanin' i Nefia, avy tany amin' ny ranomasina andrefana, mandalo ny loharanon' ny renirano Sidôna—rehefa nozakain' ny Nefita avokoa ny tany andafiavaratra, eny, na dia ny tany rehetra izay tao avaratry ny tanin' i Soafeno aza, araka ny sitrapony.

12 Môrônia mbamin' ny mia-

ramilany izay nitombo isan' andro noho ny fahatokiana ny fiarovana izay vokatry ny asany ho azy ireo, dia nikatsaka toy izany ny hanesorana ny tanjaka sy ny herin' ny Lamanita teo amin' ny tany fananany mba tsy hananany fahefana amin' ny tany fananany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ny fanorenana tanàna iray ny Nefita, ary nantsoiny hoe Môrônia ny anaran' ilay tanàna; ary izany dia teo amoron-dranomasina atsinanana; ary izany dia tao atsimo akaikin' ny faritry ny fananan' ny Lamanita.

14 Ary natombony koa ny fanorenana tanàna iray teo anelanelan' ny tanànan' i Môrônia sy ny tanànan' i Aharôna, nifanila tamin' ny sisin-tanin' i Aharôna sy i Môrônia; ary nantsoiny hoe Nefihà ny anaran' ilay tanàna na ny tany.

15 Ary tamin' iny taona iny ihany koa dia natombony ny fanorenana tanàna maro tany avaratra, ny anankiray dia tamin' ny fomba niavaka izay nantsoiny hoe Lehia, izay tao avaratra akaikin' ny sisin-tany amoron-dranomasina.

16 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona faharoapolo.

17 Ary dia tao amin' ireny fotoam-panambinana ireny no nisy ny vahoakan' i Nefia tamin' ny fiandohan' ny taona fahirai-ka amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

18 Ary niroborobo izaitsizy tokoa izy; ary nanjary nanankarena izaitsizy tokoa; eny, ary nitombo sy nihanahery teo amin' ny tany izy.

19 Ary dia toy izany no ahitantsika ny mahafeno famindram-po sy mahitsy avokoa ny fitondran' ny Tompo, ho fanatanterahina ny teniny rehetra amin' ny zanak' olombelona; eny, afaka mijery isika fa voamarina ny teniny, na dia amin' izao fotoana izao aza, izay nolazainy tamin' i Lehia, hoe:

20 Hotahiana ianao sy ny zanakao; ary hotahiana izy ireo, raha mitandrina ny didiko izy ireo dia hiroborobo eo amin' ny tany. Nefa tsarovy, raha tsy mitandrina ny didiko izy ireo, dia "hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo.

21 Ary hitantsika fa ireo fampanantenana ireo dia efa nohamarinina tamin' ny vahoakan' i Nefia; satria ny fifanjihirany sy ny fifandirany, eny, ny famonoany olona, sy ny famaboany fananana, ny fanompoany sampy, ny fijangajangany ary ny fahavetavetany izay nisy teo anivony, no nahatonga teo aminy ny adiny sy ny famongorana azy.

22 Ary ireo izay nahatoky tamin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo dia nafahany tamin' ny fotoana rehetra, raha an' arivony tamin' ny rahalahiny ratsy kosa no efa navarina tao amin' ny famatorana, na ho faty amin-tsabatra, na hihemotra ao

amin' ny tsy finoana sy hiharo amin' ny Lamanita.

23 Nefa indro, tsy nisy na oviana na oviana teo anivon' ny vahoakan' i Nefia “fotoana sambatra kokoa, hatramin' ny andron' i Nefia, noho ny tamin' ny andron' i Môrônia, eny, dia izao fotoana izao, amin' ny taona fahiraika amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

24 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana koa ny taona faharoa amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara; eny, ary koa ny taona fahatelo amby roapolo.

25 Ary ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahefatra amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tokony ho nisy fandriampahalemana koa teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, raha tsy noho ny “fifandirana izay nitranga teo anivony momba ny tanin' i Lehia sy ny tanin' i Môriantôna, izay nikambana teo amin' ny sisintanin' i Lehia; izy roroa dia samy teo amin' ny sisin-tany akai-kin' ny moron-dranomasina.

26 Fa indro, ny vahoaka izay nizaka ny tanin' i Môriantôna dia nitaky ny ampahany tamin' ny tanin' i Lehia; noho izany dia nanomboka nisy fifandirana mafampana teo amin' izy ireo, hany ka nandray fiadiana ny vahoakan' i Môriantôna hano-hitra ny rahalahiny, ary tapakevitra izy ny handringana azy amin' ny sabatra.

27 Nefa indro, ny vahoaka

izay nizaka ny tanin' i Lehia dia nandositra tany amin' ny tobin' i Môrônia sy niangavy fanampiana taminy; satria indro tsy nanana ny diso izy.

28 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny vahoakan' i Môriantôna, izay notarihin' ny lehilahy iray izay i Môriantôna no anarany, fa efa nandositra nankany amin' ny tobin' i Môrônia ny vahoakan' i Lehia, dia feno tahoatra izaitsizy tokoa izy fandrao hanafika azy ny miaramilan' i Môrônia ary hamongotra azy.

29 Noho izany dia nalatsak' i Môriantôna tao am-pony ny tokony handosirany any amin' ny tany izay ao andafiavaratra, izay rakotry ny velaran-drano lehibe, ary handraisany ny fizakana ny tany izay tao andafiavaratra.

30 Ary indro, ho efa notante-rahiny izany tetika izany (izay ho nahatonga zavatra mampalahelo), nefa indro, i Môriantôna dia olon' ny fientanam-po be, koa tezitra tamin' ny anankiray tamin' ny mpanompovaviny izy ary nanatratra azy sy namely mafy azy.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandositra izy sy tonga tao amin' ny tobin' i Môrônia ary nitantara tamin' i Môrônia ny zava-drehetra momba ilay raharaha, ary koa momba ny fikasan' ireo handositra any amin' ny tany andafiavaratra.

32 Ankehitriny, indro, ny vahoaka izay tao an-tanin' i Soa-feno, na ny marimarina kokoa i

Môrônia, dia nanahy fandrao hihaino ny tenin' i Môriantôna izy sy hikambana amin' ny olony, ary amin' izany dia hahazo ny fizakana ireo faritry ny tany ireo izy, izay hiteraka vokany mampidi-doza eo anivon' ny vahoakan' i Nefia, eny, dia vokany izay hitarika any amin' ny faharavan' ny "fahafahany.

33 Koa nalefan' i Môrônia ny miaramila niaraka tamin' ny tobiny, hihoatra ny vahoakan' i Môriantôna, ka hampitsahatra ny fandosirany mankany amin' ny tany andafiavaratra.

34 Ary ny zava-nitranga dia tsy nihoarany izy raha tsy efa tonga teo amin' ny faritry ny sisin-tanin' ny tany "Faharavana; ary teo dia nihoarany izy, teo akaikin' ny lalana ety izay nitondra mankany amoron-dranomasina hatrany amin' ny tany andafiavaratra, eny, akaikin' ny ranomasina tao andrefana sy tao atsinanana.

35 Ary ny zava-nitranga, ny miaramila izay nalefan' i Môrônia, izay notarihan' ny lehilahy iray izay i Teankoma no anarany, dia nihaona tamin' ny vahoakan' i Môriantôna; ary kirina loatra ny vahoakan' i Môriantôna (rehefa nentanin' ny faharatsiany sy ny teniny manasohaso), ka dia nanomboka ny ady teo amin' izy ireo, ka tamin' izany no namonoan' i Teankoma an' i Môriantôna sy nandreseny ny miaramilany ary nakany azy ho babo sy niverenany tany amin' ny tobin' i

Môrônia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

36 Ary dia toy izany no nitondrana ny vahoakan' i Môriantôna niverina. Ary taorian' ny fanaovany dina ny hitandrana ny fandriampahalemana, dia naverina tany an-tanin' i Môriantôna izy, ary nitranga ny fiombonana teo aminy sy ny vahoakan' i Lehia; ary naverina tany amin' ny taniny koa izy.

37 Ary ny zava-nitranga dia tamin' iny taona iny ihany, izay efa niverenan' ny fandriampahalemana teo amin' ny vahoakan' i Nefia, no maty i Nefihà, lohan' ny mpitsara faharoa, rehefa nitana ny toeram-pitsarana tamin' ny fahitsiana tanteraka teo anoloan' Andriamanitra.

38 Kanefa dia efa nolaviny tamin' i Almà ny handray ny fitanana ireo rakitsoratra ireo sy ireo zavatra izay noheverin' i Almà sy ny razany ho masina indrindra; noho izany dia efa natolotr' i Almà an' i Helamàna zanany lahy ireo.

39 Indro, ny zava-nitranga dia notendrena ny zanakalahin' i Nefihà mba hitana ny toeram-pitsarana teo amin' ny toerandrany; eny, notendrena izy ho lohan' ny mpitsara sy ho governora amin' ny vahoaka, niaraka tamin' ny velirano sy ny ôrdônansy masina mba hitsara araka ny rariny sy hitandrana

ny fandriampahalemana sy ny fahafahan' ny vahoaka ary hanome azy ny tombontsoany masina mba hitsaoka ny Tompo Andriamaniny, eny, hanohana sy hitana ny foto-kevitr' Andriamanitra mandritra ny androny rehetra ary hitondra ny olondratsy eo amin' ny fitsarana araka ny helony.

40 Ankehitriny indro, i Pahôràna no anarany. Ary i Pahôràna dia nitana ny toeran-drainy sy nanomboka ny fitondrany teo amin' ny vahoakan' i Nefia tamin' ny faran' ny taona fahefatra amby roapolo.

TOKO 51

Nikatsaka ny hanova ny lalàna sy hanangana mpanjaka ny mpomba ny mpanjaka—Notohanan' ny feom-bahoaka i Pahôràna sy ny olona afaka—Nanery ny mpomba ny mpanjaka hiaro ny taniny i Môrônia, raha tsy izany dia novonoina ho faty izy—Namabo tanàna mimanda maro i Amalikià sy ny Lamanita—Nanosika ny fananiam-bohitry ny Lamanita i Teankoma sy namono an' i Amalikià tao amin' ny lainy. Tokony ho 67–66 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, rehefa naoriny ny fandriampahalemana teo amin' ny vahoakan' i Lehia sy ny vahoakan' i Môriantôna momba ny taniny, ary rehefa natombony tao amin'

ny fandriampahalemana ny taona fahadimy amby roapolo;

2 Kanefa, tsy nahatana ela ny fandriampahalemana feno teo amin' ny tany izy, fa nanomboka nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka momba an' i Pahôràna lohan' ny mpitsara; fa indro, nisy ampahany tamin' ny vahoaka izay naniry ny hanovana ny lafiny manokana vitsivitsy tao amin' ny lalàna.

3 Nefa indro, tsy nety nanova na namela ny lalàna mba hovanana i Pahôràna; koa tsy nohenoiny ireo izay efa nandefa ny feony niaraka tamin' ny fangatahany ny amin' ny fanovana ny lalàna.

4 Noho izany, ireo izay naniry fa tokony hovana ny lalàna dia tezitra taminy, ary naniry ny tsy haha-lohan' ny mpitsara azy intsony eo amin' ny tany; noho izany dia nitranga ny fifamiliana nafampana momba ny raharaha, nefa tsy hatrany amin' ny fandatsahan-dra.

5 Ary ny zava-nitranga, dia nantsoina hoe mpomba ny mpanjaka ireo izay naniry ny tokony hanonganana an' i Pahôràna teo amin' ny toeram-pitsarana, fa niriany ny tokony hanovana ny lalàna mba hahafahana manongana ny fitondrana malalaka sy manangana mpanjaka eo amin' ny tany.

6 Ary ireo izay naniry ny tokony hijanonan' i Pahôràna ho lohan' ny mpitsara eo amin' ny tany, dia nitondra teo amin' ny tenany ny anarana hoe olona afaka; ary dia toy izany ny fisaratsarahana teo anivony, fa ny

olona afaka dia nianiana na nifanaiky fa hiaro ny zony sy ny antoky ny fivavahany amin' ny alalan' ny fitondrana malalaka.

7 Ary ny zava-nitranga dia nalamina' ny feon' ny vahoaka izany anton' ny fifandirany izany. Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon' ny vahoaka izay nankasitraka ny olona afaka, ary dia nitana ny toeram-pitsarana i Pahôràna, izay nahatonga fifaliana be teo anivon' ny rahalahin' i Pahôràna ary koa ny maro tamin' ny vahoakan' ny fahafahana izay nahasina ihany koa ny mpomba ny mpanjaka, ka izy ireo dia tsy sahy nanohitra fa voatery nitana kosa ny foto-kevitra ny fahafahana.

8 Ankehitriny, ireo izay nankasitraka ny hisian' ny mpanjaka dia ireo izay "avo razana, ary nokatsahiny ny ho mpanjaka; ary izy ireo dia notohanana' ireo izay nikatsaka hery sy fahefana teo amin' ny vahoaka.

9 Nefa indro, izany dia fotoan-tsaroitra ho an' ny fifandirana toy izany teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; satria indro, efa namoky indray ny fon' ny vahoakan' ny Lamanita i Amalikià hanohitra ny vahoakan' i Nefia, ka novoriany miaraka ny miaramila avy tamin' ny faritra rehetra teo amin' ny taniny, ary nampirongoany fiadiana ireo, ary niomana izy ho amin' ny ady niaraka tamin' ny fahavitririana rehetra; fa efa "niozonozona ny hisotro ny ran' i Môrônia izy.

10 Nefa indro, ho hitantsika fa ny fampanantenany izay nataony dia antemaka; kanefa, dia nanomana ny tenany sy ny miaramilany izy ho tonga hiady amin' ny Nefita.

11 Ankehitriny ny miaramilany dia tsy be loatra toy izay efa nisy hatrizao, noho ny an' arivony maro izay efa naringan' ny tanaan' ny Nefita; nefa na dia teo aza ny famoizany lehibe, dia efa naha-tafavory miaramila betsaka nigagana tokoa i Amalikià, hany ka tsy natahorany ny hidina any an-tanin' i Zarahemlà.

12 Eny, na dia izy Amalikià tenany aza dia nidina nitarika ny Lamanita. Ary izany dia tamin' ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara; ary tamin' izay fotoana izay ihany no efa nanombohany nandamina ny raharahan' ny fifandirany momba an' i Pahôràna, lohan' ny mpitsara.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandre ireo olona izay nantsoina hoe mpomba ny mpanjaka fa nidina hiady aminy ny Lamanita, dia nifaly anakampo izy ireo; ary nolaviny ny handray fiadiana, satria nisafoaka loatra tamin' ny lohan' ny mpitsara izy ireo, ary koa tamin' ny "vahoakan' ny fahafahana, ka dia tsy tiany ny handray fiadiana hiaro ny taniny.

14 Ary ny zava-nitranga, nony nahita izany i Môrônia ary nahita koa fa niditra ny faritry ny

sisin-tany ny Lamanita, dia nisafoaka izaitsizy tokoa izy noho ny kirin' ireo olona ireo izay efa nilofosany tamim-paharisihana fatratra mba hotsimbinina; eny, nisafoaka izaitsizy tokoa izy; heniky ny fahatezerana taminy ny fanahiny.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandefa fangatahana izy niaraka tamin' ny feon' ny vahoaka tany amin' ny governoran' ny tany, naniry ny hamakiany izany sy ny hanomezany azy (i Môrônia) fahefana hanery ireo mpiendaka ireo hiaro ny taniny na hamono azy ireo ho faty.

16 Satria ny adidiny voalohany dia ny manisy farany ny fifandirana sy ny fisaraham-bazana toa izany teo anivon' ny vahoaka; satria indro, izany no efa anton' ny famongorana azy rehetra hatrizao. Ary ny zava-nitranga dia notovina izany araka ny feon' ny vahoaka.

17 Ary ny zava-nitranga dia nodidian' i Môrônia ny handehanan' ny miaramilany hanohitra ireo mpomba ny mpanjaka ireo mba handrodana ny avonavony sy ny fahandrianany ary hampitovy lenta azy ireo amin' ny tany, na ny handray fiadiana izy ireo ary hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana.

18 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny miaramila hanohitra azy ireo; ary nandrodana ny avonavony sy ny fahandrianany izy, hany ka raha naingainy ny fitaovam-piadiany mba hiady amin' ny olon' i Môrônia, dia

nojinjaina sy nampitoviana tantana tamin' ny tany izy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nisy efatra arivo tamin' ireo "mpiendaka ireo no nojinjaina tamin' ny sabatra; ary ireo tamin' ny mpitondra azy ireo izay tsy naringana tamin' ny ady, dia nentina sy natsipy tao am-ponja, satria tsy nisy fotoana hitsarana azy ireo tamin' izay vanimpotoana izay.

20 Ary naleon' ny sisa tavela tamin' ireo mpiendaka ireo nanaiky ny fanevan' ny fahafahana toy izay halamaky ny sabatra amin' ny tany, ary dia voatery izy ireo nanangana ny "fanevan' ny fahafahana teo amin' ny tilikambony sy tao amin' ny tanànany ary nandray fiadiana ho fiarovana ny taniny.

21 Ary dia nasian' i Môrônia farany toy izany ny amin' ireo mpomba ny mpanjaka ireo, ka tsy nisy intsony fantatra tamin' ny anarana hoe mpomba ny mpanjaka; ary dia nasiany farany toy izany ny kiry sy ny avonavon' ireo olona ireo izay nitonona ho ran' andriana; saingy naidina ambany izy mba hanetry ny tenany toy ny rahalahiny sy hiady amin-kerim-po tokoa ho fanafahana azy amin' ny famatorana.

22 Indro, ny zava-nitranga, raha mbola nanamontsana toy izany ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny olony ihany i "Môrônia sy nampanoa azy ho amin' ny fandriampahalemana sy ny riba ary nanao fitsipi-

19a Almà 60:16.
20a Almà 46:12–13.

22a TSM Môrônia,
Kapiteny.

pitondrana hiomanana amin' ny ady amin' ny Lamanita, dia indro, efa tafiditra tao amin' ny tanin' i Môrônia ny Lamanita tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

23 Ary ny zava-nitranga dia tsy dia natanjaka firy loatra ny Nefita tao an-tanànan' i Môrônia; noho izany i Amalikià dia nahatosika azy sady namono maro. Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanàna i Amalikià, eny, ny fizakana ny toerany mimanda rehetra.

24 Ary ireo izay nandositra niala ny tanànan' i Môrônia dia tonga tao an-tanànan' i Nefihà; ary ny mponin' ny tanànan' i Lehia koa dia niara-nivory sy nanao fiomanana ary efa nivo-nona ny handray ny Lamanita amin' ny ady.

25 Nefa ny zava-nitranga dia tsy navelan' i Amalikià handeha hiady amin' ny tanànan' i Nefihà ny Lamanita, fa notanany tany ambany akaikin' ny ranomasina kosa, sady name-trahany lehilahy isan-tanàna mba hitana sy hiaro izany.

26 Ary dia toy izany no nanohizany ny famaboana tanàna maro, ny tanànan' i Nefihà sy ny tanànan' i Lehia, ary ny tanànan' i Môriantôna sy ny tanànan' i Ômnera, ary ny tanànan' i Gida sy ny tanànan' i Mioleta, izy rehetra ireo dia tany amin' ny sisin-tany atsinanana akaikin' ny moron-dranomasina.

27 Ary dia toy izany no efa nahazoan' ny Lamanita, noho

ny hafetsen' i Amalikià, noho ny miaramilany tsy hita isa, tanàna maro tokoa, izy rehetra ireo dia nohamafisina tokoa araka ny "fanamafisana natoron' i Môrônia; izy rehetra ireo dia nanome toeram-parahana ho an' ny Lamanita.

28 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo nankany amin' ny sisintanin' i Soafeno rehefa nanosika ny Nefita teo anoloany ary nandripaka maro.

29 Saingy ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' i Teankoma izay efa "namono an' i Môriantôna sy nialoha lalana ny olony tamin' ny fandosirany izy ireo.

30 Ary ny zava-nitranga dia nialoha lalana an' i Amalikià koa izy, raha iny izy nandroso niaraka tamin' ny miaramilany maro iny mba hahazoany mamabo ny tanin' i Soafeno ary koa ny tany andafiavaratra.

31 Nefa indro tojo fahadisoampantenana izy rehefa voatosik' i Teankoma sy ireo olony, noho izy ireo mpiady kingalahy; satria ny olon' i Teankoma tsirairay dia nihoatra ny Lamanita tamin' ny tanjany sy tamin' ny hakingany an' ady, hany ka nahazo tombony tamin' ny Lamanita izy ireo.

32 Ary ny zava-nitranga dia notselehiny izy ireo, ka novonoiny mandra-pahatonga ny haizina. Ary ny zava-nitranga dia nanangana ny lainy tao amin' ny sisin-tanin' i Soafeno i Teankoma sy ny olony; ary i Amalikià dia nanangana ny

lainy tao amin' ny sisin-tany, teo amin' ny tora-pasika akaiky ny moron-dranomasina, ary dia araka izao fomba izao no naha-voatosika azy ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga ny alina, dia nitsaitsaika sy nandeha nivoaka alina i Teankoma sy ny mpanompony ary nandeha nankao amin' ny tobin' i Amalikià; ary indro, efa resy tory ireo noho ny havizanany be izay vokatry ny ezaka sy ny hafanan' ny andro.

34 Ary ny zava-nitranga dia niditra an-tsokosoko tao amin' ny lain' ny mpanjaka i Teankoma ary nanindrona lefona ny fony; ary nataony izay hahafaty ny mpanjaka teo no ho eo ka tsy hamoahazany ny mpanompony.

35 Ary dia niverina an-tsokosoko indray tany amin' ny tobin' izy, ary indro, resy tory ny olony ary nofohaziny izy ireo ary nolazainy azy ireo avokoa ny zavatra izay efa vitany.

36 Ary dia nasainy niatrana tamim-pahavononana ny miaramilany, fandrao efa nifoha ny Lamanita ka hisovoka azy ireo.

37 Ary dia mifarana toy izany ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary dia mifarana toy izany ny andron' i Amalikià.

TOKO 52

Nandimby an' i Amalikià ho mpanjakan' ny Lamanita i Amôrôna — Nitarika ny Nefita tamin' ny adim-pandresena tamin' ny

Lamanita i Môrônia, i Teankoma ary i Lehia — Nalaina indray ny tanànan' i Mioleka, ary novonoina i Jakôba ilay Zôramita. Tokony ho 66–64 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga tamin' ny taona fahenina amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia indro, rehefa nifoha ny Lamanita ny maraina voalohan' ny volana voalohany, dia indro, hitany fa efa maty tao anaty lainy ihany i Amalikià; ary hitany koa fa efa vonona ny hamaky ady aminy androtrio i Teankoma.

2 Ary ankehitriny, nony nahita izany ny Lamanita, dia raikitahotra izy; ary nafaoiny ny tetiny handeha hankany amin' ny tany andafiavaratra ary nisintona miaraka tamin' ny miaramilany rehetra tao an-tanànan' i Mioleka izy, nitady fiarovana tao anatin' ny toerany mimanda.

3 Ary ny zava-nitranga dia notendrena ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka ny rahalahin' i Amalikià; ary i Amôrôna no anarany; dia toy izany no nanendrena an' i Amôrôna mpanjaka, rahalahin' i Amalikià mpanjaka, ho eo amin' ny toerany.

4 Ary ny zava-nitranga dia nodidiany ny hitanan' ny olony ireo tanàna izay efa azony tamin' ny fandatsahan-dra ireo; fa tsy nahazo tanàna izy raha tsy efa nahaverezan-dra betsaka.

5 Ary ankehitriny, dia hitan' i Teankoma fa ny Lamanita dia tapa-kevitra ny hitana ireo tanàna izay efa azony ireo sy ireo

ampahany tamin' ny tany izay efa noraisiny ny fizakana azy; ary ny fahitany koa ny hama-roan' ny isany, dia niheveran' i Teankoma fa tsy tsara ny manandrana manafika azy ao amin' ny toerany mimanda.

6 Fa notanany teny amin' ny manodidina kosa ny olony, miova tsy ny manao fiomanana ho amin' ny ady; eny, ary marina tokoa fa teo am-piomanana ny hiaro ny tenany aminy izy, tamin' ny "fananganana rindrina manodidina sy ny fanomanana toerana fialokalofana.

7 Ary ny zava-nitranga dia no-tohizany toy izany ny fiomanana ho amin' ny ady mandra-pandefan' i Môrônia olona sesehena hanamafy ny miaramilany.

8 Ary i Môrônia koa dia nandefa baiko taminy mba hitanany ny sambobelona rehetra izay nianjera teo an-tanany; fa satria efa nanao sambobelona maro ny Lamanita, dia tokony hotanany avokoa ny sambobelona Lamanita ho takalon' ireo izay efa nalain' ny Lamanita.

9 Ary nandefa baiko taminy koa izy ny hanamafisany ny tanin' i Soafeno sy ny hiantohany ny "lalana ety izay nitondra mankany amin' ny tany andafiavaratra, fandrao ho azon' ny Lamanita izany toerana izany ka hanana hery izy hisovohana azy avy amin' ny lafiny rehetra.

10 Ary nampaniraka tany aminy koa i Môrônia, naniry azy ny ho mahatoky amin' ny fitanana io faritry ny tany io sy ny hika-

tsahany ny fomba rehetra hamelezana ny Lamanita ao amin' io faritra io, araka izay tratry ny heriny, fa angamba mba mety ho azony indray amin' ny tetik' ady na fomba hafa sasantsasany ireo tanàna izay efa nesorina teo an-tanany ireo; ary koa ny hanamafisany sy ny hanatanjahany ny tanàna manodidina izay tsy nianjera teo an-tanan' ny Lamanita.

11 Ary hoy koa izy taminy: Mba tiako ny ho tonga aty aminao, nefa indro, ny Lamanita dia mby amintsika ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina andrefana; ary indro, handeha hiady aminy aho, noho izany dia tsy afaka mankaty aminao aho.

12 Ankehitriny, ny mpanjaka (i Amôrôna) dia efa niainga niala ny tanin' i Zarahemlà sy efa nampahalala ny mpanjakavavy ny momba ny fahafatesan' ny rahalahiny, ary efa nahatafavory olona sesehena sy efa niainga hanafika ny Nefita ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina andrefana.

13 Ary dia toy izany no niezahany namely tsy an-kiato ny Nefita sy nisarika ny ampahan' ny miaramilany hankamin' io faritry ny tany io, kanefa dia nodidiany ireo izay efa nape-trany hizaka ny tanàna izay efa azony ny tokony hisovohany koa ny Nefita ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina atsinanana sy handraisany ny fizakana ny taniny araka izay

tratry ny heriny, araka ny herin' ny miaramilany.

14 Ary dia tao anatin' ny toejavatra mampidi-doza toy izany ny Nefita tamin' ny faran' ny taona fahenina amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

15 Nefa indro, ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia i Teankoma, noho ny baikon' i Môrônia — izay efa nametraka miaramila mba hiaro ny sisin-tany atsimo sy andrefana ary efa nanomboka ny diany nankany amin' ny tanin' i Soafeno mba hahazoany manampy an' i Teankoma miaraka amin' ny olony amin' ny fakana indray ny tanàna izay efa nafoiny —

16 Ary ny zava-nitranga dia efa nahazo baiko i Teankoma hanao ny fanafihana ny tanànan' i Mioleta sy haka izany indray raha azo atao.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana i Teankoma hoenti-manafika ny tanànan' i Mioleta sy handehanana miaraka amin' ny miaramilany hiady amin' ny Lamanita; nefa hitany fa tsy ho vita ny hahafahany mandresy azy raha mbola ao anatin' ny toerany mimanda izy; noho izany dia nafoiny ny tetiny ary niverina indray tany antanànan' i Soafeno izy hiandry ny fiavian' i Môrônia mba hahazoany mandray tanjaka ho an' ny miaramilany.

18 Ary ny zava-nitranga dia tonga niaraka tamin' ny miaramilany tao an-tanin' i Soafeno i

Môrônia, tamin' ny tapany farany ny taona fahafito amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

19 Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahavalo amby roapolo, dia nanao filan-kevitra momba ny ady i Môrônia sy i Teankoma ary ny maro tamin' ny lohan' ny kapiteny — ny momba izay tokony hataony hampivoaka ny Lamanita hiady aminy; na ny hahazoany, amin' ny fomba sasany, misintona azy hivoaka ny toeram-pamaharany mba hahazoany tombony aminy sy maka indray ny tanànan' i Mioleta.

20 Ary ny zava-nitranga dia nalefany ny iraka hankany amin' ny miaramilan' ny Lamanita, izay niaro ny tanànan' i Mioleta, hankany amin' ny mpitondra azy, izay i Jakoba no anarany, naniry azy ny hivoahany miaraka amin' ny miaramilany mba hifanandrina aminy eo amin' ny lemaka manelanelana ny tanàna roa. Nefa indro, i Jakôba izay Zôramita, dia tsy nety nivoaka niaraka tamin' ny miaramilany mba hifanandrina aminy eo amin' ny lemaka.

21 Ary ny zava-nitranga rehefa tsy nanana fanantenana ny hifanandrina aminy eo amin' ny toerana hifandanjan' ny hery i Môrônia, dia namolavola tetika iray izy mba hahazoany mami-taka ny Lamanita hivoaka avy ao amin' ny toeram-pamaharany.

22 Koa nataony izay hakan' i Teankoma olom-bitsy sy handehanany midina eo akaikin' ny moron-dranomasina; ary i

Môrônia sy ny miaramilany, nony alina, dia nandeha nanka-ny an-tany foana, tao andrefan'ny tanànan' i Mioleka; ary dia toy izany, nony ampitso, rehefa nahita an' i Teankoma ny mpiambin' ny Lamanita, no nihazakazahany sy nilazany izany tamin' i Jakôba, mpitondra azy.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nivoaka ny miaramilan' ny Lamanita hiady amin' i Teankoma, araka ny fiheverana fa noho ny hamaroany dia ho resy i Teankoma noho ny hakelezan' ny isany. Ary nony nahita ny miaramilan' ny Lamanita nivoaka hiady aminy i Teankoma dia nanomboka nisintona nidina teo akaikin' ny morondranomasina izy, nianavaratra.

24 Ary ny zava-nitranga nony nahita ny Lamanita fa nanomboka nandositra izy, dia nahazo toky izy sy nanenjika azy tamim-pahavitrihana. Ary raha mbola notarihin' i Teankoma hanalavitra toy izany ny Lamanita izay sasa-poana nanenjika azy, dia indro, nodidian' i Môrônia ny ampahany tamin' ny miaramilany izay niaraka taminy ny handehany miditra ny tanàna sy ny handraisany ny fizakana izany.

25 Ary dia toy izany no nataony sy namonoany ireo rehetra izay efa navela hiaro ny tanàna, eny, ireo rehetra izay tsy nety nanolotra ny fitaovam-piadiany.

26 Ary dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia ny fizakana ny tanànan' i Mioleka niaraka tamin' ny ampahany tamin' ny miaramilany, raha mbola

nandeha niaraka tamin' ny sisa izy hifanandrina tamin' ny Lamanita rehefa hiverina avy tany amin' ny fanenjehana an' i Teankoma izy ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Teankoma ny Lamanita ambara-pahatonga azy ireo teo akaikin' ny tanànan' i Soafeno, ary tamin' izay izy ireo dia nifanandrina tamin' i Lehia sy ny miaramila vitsivitsy, izay efa navela hiaro ny tanànan' i Soafeno.

28 Ary ankehitriny, indro, nony efa nahatazana an' i Lehia mbamin' ny miaramilany tany hiady aminy ny lohan' ny kapitenin' ny Lamanita, dia nandositra tao anatin' ny fisavoritahana be izy ireo, fandrao angamba dia tsy ho azony ny tanànan' i Mioleka mialohan' ny hanatrar' i Lehia azy ireo; satria efa lanaka izy ireo noho ny diany, ary ny olon' i Lehia kosa dia mbola aina vao.

29 Ankehitriny ny Lamanita dia tsy nahalala fa efa tao amin' ny vodilaharany niaraka tamin' ny miaramilany i Môrônia; ary ny hany natahorany dia i Lehia sy ny olony.

30 Ankehitriny i Lehia dia tsy naniry ny hanatratra azy ireo mialohan' ny hifanandrianan' izy ireo amin' i Môrônia sy ny miaramilany.

31 Ary ny zava-nitranga, talohan' ny efa nisintonan' ny Lamanita lavitra, dia efa nohodidinin' ny Nefita izy ireo, an-daniny ny olon' i Môrônia ary an-kilany ny olon' i Lehia, mbola aina vao sy feno tanjaka

izy rehetra ireo; fa ny Lamanita kosa dia efa lanaka noho ny diany lavitra.

32 Ary nandidy ny olony i Môrônia mba hanafihany azy ireo ambara-panolorany ny fitaovam-piadin'ny.

33 Ary ny zava-nitranga dia i Jakôba izay mpitondra azy ireo, izay “Zôramita koa sy nanana toe-tsaina tsy voafolaka, no nitrika ny Lamanita hiady tamin’ ny fahasiahana mihoa-pampana tamin’ i Môrônia.

34 Ary satria teo an-dalan-kalehany i Môrônia, koa tapakevitra i Jakôba ny hamono azy ireo ary hisava ny lalany hatrany an-tanànan’ i Mioleta. Nefa indro, nahery kokoa i Môrônia sy ny olony; koa tsy nikoa teo anoloan’ ny Lamanita izy ireo.

35 Ary ny zava-nitranga dia samy niady tamin’ ny fahasiahana izaitsizy ny andaniny roa; ary nisy maro no voavono tamin’ ny andaniny roa; eny, ary naratra i Môrônia, ary i Jakôba dia voavono.

36 Ary i Lehia mbamin’ ny olony matanjaka dia nanery ny vodilaharany tamin’ ny fahasiahana aoka izany, hany ka ny Lamanita tao amin’ ny vodilaharana dia nanolotra ny fitaovam-piadin'ny; ary ny sisa taminy, noho izy ireo nisavoritaka be, dia tsy nahalala izay haleha na hamelezana.

37 Ankehitriny, rehefa nahita ny fisavoritahany i Môrônia dia hoy izy taminy: Raha mitondra etoana ny fitaovam-piadiana-

reo ianareo sy manolotra ireny, dia indro, hatsahatray ny fandatsahana ny ranareo.

38 Ary ny zava-nitranga nony efa nandre ireo teny ireo ny Lamanita dia nandroso ireo lohan’ ny kapiteniny, ireo rehetra izay tsy voaringana, sy nanipy ny fitaovam-piadin'ny teo antongotr’ i Môrônia, sy nandidy ny olony koa ny hanaovany toy izany.

39 Nefa indro, nisy maro izay tsy nety; ary ireo izay tsy nety nanolotra ny sabany dia nalaina sy nafatotra ary nesorina taminy ny fitaovam-piadin'ny, ary noterena izy ireo handeha hiaraka amin’ ny rahalahiny mankany an-tanin’ i Soafeno.

40 Ary ankehitriny, ny isan’ ny sambobelona izay nalaina dia nanoatra noho ny isan’ ireo izay efa voaringana, eny, nanoatra noho ireo izay efa voaringana tamin’ ny andaniny roa.

TOKO 53

Nampiasaina hanamafy ny tanànan’ i Soafeno ny sambobelona Lamanita — Nanome vahana ny fandresen’ ny Lamanita ny fisaraham-bazana teo anivon’ ny Nefita — Nandray ny fibaikoana ny zatovolaky roa arivo avy tamin’ ny vahoakan’ i Amôna i Helamàna. Tokony ho 64–63 talohan’ i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nasiany mpiambina teo amin’ ny sambobelona Lamanita ary notereny izy ireo handeha sy

handevina ny maty taminy, eny, ary koa ny maty tamin' ny Nefita izay voaringana; ary nametraka olona teo aminy i Môrônia hiambina azy ireo raha mbola natanteraka ny asany izy ireo.

2 Ary nandeha nankao an-tanànan' i Mioleta niaraka tamin' i Lehia i Môrônia sy nandray ny fibaikoana ny tanàna ary nanome izany an' i Lehia. Ankehitriny, indro, ity Lehia ity dia lehilahy izay efa niaraka tamin' i Môrônia tamin' ny ankamaroan' ny adiny rehetra; ary izy dia lehilahy "tahaka an' i Môrônia, ary izy ireo dia samy nifaly tamin' ny filaminan' izy samy izy; eny, nifankamamy izy samy izy, ary koa nankamamian' ny vahoakan' i Nefia iray manontolo izy ireo.

3 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nahavitan' ny Lamanita ny fandevenana ny maty taminy ary koa ny maty tamin' ny Nefita, dia nentina niverina tao an-tanin' i Soafeno izy ireo; ary i Teankoma, araka ny baikon' i Môrônia, dia nanao izay hanombohany miasa amin' ny fihadiana hadivory manodidina ny tany na ny tanànan' i Soafeno.

4 Ary nataony izay hanangany "rindrin-kazo teo amin' ny lafiny anatin' tamin' ny hadivory; ary natsipiny avy tamin' ny hadivory hankeo amin' ny rindrin-kazo ny tany; ary dia toy izany no nampiasany ny Lamanita mandra-pamefeny

manodidina ny tanànan' i Soafeno tamin' ny rindrin-kazo sy tany izay avo izaitsizy.

5 Ary izany tanàna izany dia nanjary toeram-pamaharana izaitsizy hatramin' izay; ary tao amin' izany tanàna izany no niambenana ny sambobelona Lamanita; eny, dia tatỳ anatin' ny rindrina izay efa nasainy natsangany tamin' ny tanany ihany. Ankehitriny i Môrônia dia voatery nanao izay hiasan' ny Lamanita, satria mora ny miambina azy ireo raha mbola eo am-piasana izy ireo; ary sitrany hanana ny heriny rehetra rehefa hanao ny fanafihana ny Lamanita izy.

6 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia fandresena tamin' ny iray tamin' ny miaramilan' ny Lamanita lehibe indrindra sy efa nahazoany ny fizakana ny tanànan' i Mioleta, izay iray tamin' ny tobin' ny Lamanita matanjaka indrindra, tany antanin' i Nefia; ary dia toy izany no efa nananganany koa toeram-pamaharana hitanana ny sambobelony.

7 Ary ny zava-nitranga dia tsy nandramany intsony ny hiady tamin' ny Lamanita tamin' io taona io, fa nampiasainy kosa ny olony tamin' ny fanomanana ny ady, eny, sy tamin' ny fanaovana toerana mimanda ho fiarovana amin' ny Lamanita, eny, ary koa tamin' ny fanafihana ny vadiny sy ny zanany tamin' ny mosary sy ny faho-

riana ary tamin' ny famatsiana hanina ny miaramilany.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia ny miaramilan' ny Lamanita tao amin' ny ranomasina andrefana atsimo, nandritra ny tsy naha-teo an' i Môrônia noho ny fiokoana teo anivon' ny Nefita, izay nahatonga fisa-raham-bazana teo anivony, no efa nahazo tombony tamin' ny Nefita, eny, hany ka efa noraisiny ny fizakana ny tanàna maro tao amin' izany faritry ny tany izany.

9 Ary izany dia noho ny heloka teo anivony, eny, noho ny fisa-raham-bazana sy ny fiokoana teo anivony dia efa tafatoetra tao amin' ny toe-javatra tena mampidi-doza izy ireo.

10 Ary ankehitriny, indro, somary manan-kolazaina ihany aho momba ny "vahoakan' i Amôna, izay tany am-piandohana dia Lamanita; nefa noho i Amôna sy ny rahalahiny, na ny marimarina kokoa, noho ny hery sy ny tenin' Andriamani-trà, dia efa ^bniova fo ho an' ny Tompo izy; ary efa nentina nidina izy nankany amin' ny tanin' i Zarahemlà, ary hatramin' izay dia efa narovan' ny Nefita.

11 Ary noho ny fianianany dia efa voafatotra izy tsy handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; satria efa nataony ny fianianana mba tsy handatsa-dra "na oviana na oviana intsony; ary araka ny fianianany dia tokony ho efa fongana izy; eny, ho efa

niaretany ny hianjeran' ny tenany teo an-tanan' ny rahalahiny, raha tsy teo ny famindram-po sy ny fitiavana fatratra izay efa nasehon' i Amôna sy ny rahalahiny taminy.

12 Ary noho izany antony izany dia nentina nidina tany an-tanin' i Zarahemlà izy; ary efa "narovan' ny Nefita hatramin' izay.

13 Nefa ny zava-nitranga rehefa hitany ny loza sy ny fahoriana ary ny fahasahiranana maro izay nozakain' ny Nefita noho ny aminy, dia nentanin' ny fangorahana izy ary "niriany ny handray fiadiana ho fiarovana ny taniny.

14 Nefa indro, nony efa saika horaisiny ny fitaovam-piadiany, dia nikoa izy noho ny fandresen-dahatr' i Helamàna sy ny rahalahiny, fa efa saika "horavany ny ^bfianianana izay efa nataony.

15 Ary natahotra i Helamàna fandrao amin' ny fanaovany izany no hahavery ny fanahiny; noho izany ireo rehetra izay efa nanao izany fanekempihavanana izany dia voatery nitazana ireo rahalahiny namakivaky ny fahoriany, tao amin' ny toe-javatra mampidi-doza nisy azy ireo, tamin' izay fotoana izay.

16 Nefa indro, ny zava-nitranga dia nananany ny zanaka lahy maro izay tsy nanao fanekempihavanana ny tsy handray ny fitaovam-piadiany mba hiaro ny tenany amin' ny fahavalony;

10a Almà 27:24–26.

^b Almà 23:8–13.

11a Almà 24:17–19.

12a Almà 27:23.

13a Almà 56:7.

14a Nom. 30:2.

^b TSM Fianianana.

koa niara-nivory izy ireo tamin' izay fotoana izay, dia ireo rehe-tra izay afaka mandray fiadiana, ary nantsoiny hoe Nefita ny tenany.

17 Ary nataony ny fanekempihavanana fa hiady ho an' ny fahafahan' ny Nefita izy ireo, eny, hiaro ny tany hatrany amin' ny fanolorana ny ainy; eny, nanao fanekempihavanana aza izy ireo fa tsy hahafoy na oviana na oviana ny "fahafahany, fa hiady kosa na inona na inona toe-javatra mba hiaro ny Nefita sy ny tenany amin' ny famatorana.

18 Ankehitriny, indro, nisy roa arivo tamin' ireo zatovolahy ireo no nanao izany fanekempihavanana izany sy nandray ny fitaovam-piadiany mba hiaro ny taniny.

19 Ary ankehitriny, indro, satria tsy enta-mavesatra na oviana na oviana ho an' ny Nefita izy ireo hatrizao, ankehitriny dia nanjary andry lehibe kosa izy ireo tamin' ity vanim-potoana ity; fa nalainy ny fitaovam-piadiany ary niriany mba ho i Helamàna no ho mpitondra azy ireo.

20 Ary lehilahy tanora avokoa izy ireo sy sahy fatratra tokoa raha ny "herim-po ary koa ny tanjaka sy ny asa; nefa indro, tsy izay ihany — Lehilahy ^bmarina tamin' ny fotoan-drehetra izy ireo, na inona na inona zavatra nankinina taminy.

21 Eny, lehilahin' ny fahamarinana sy ny fahamatorana izy

ireo, fa efa nampianarina azy ireo ny hitandrana ny didin' Andriamanitra sy "handeha araka ny hitsiny eo anoloany.

22 Ary ankehitriny ny zavanimitranga dia nandeha nialoha lalana ny zatovo miaramilany "roa arivo i Helamàna, ho fanohanana ny mponin' ny faritry ny sisin-tany tao atsimo akaikin' ny ranomasina andrefana.

23 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby roapolon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 54

Nifampiraharaha i Amôrôna sy i Môrônia mba hifanakalo sambobelona — Nitaky ny hiesoran' ny Lamanita sy ny hampitsaharany ny fanafihany mahafaty i Môrônia — Nitaky ny hametrahaman' ny Nefita ny fiadiany sy ny hahatongavany ho olom-pehezin' ny Lamanita i Amôrôna. Tokony ho 63 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zavanimitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy amby roapolon' ny mpitsara, dia nampaniraka hankany amin' i Môrônia i "Amôrôna, naniry ny hanakalozany sambobelona.

2 Ary ny zavanimitranga dia nahatsapa fifaliana izaitsizy tokoa i Môrônia tamin' izany fangatahana izany, fa niriany ny vatsy izay nozaraina ho five-

17a Almà 56:47.

TSM Fahalalahana.

20a TSM Herimpo.

^b TSM Hitsim-po.

21a TSM Mandeha,

Mandeha Miraka

amin' Andriamanitra.

22a Almà 56:3–5.

54 1a Almà 52:3.

loman' ny sambobelona Lamanita mba ho fiveloman' ny olony ihany; ary niriany koa ny olony ihany mba ho fanamafisana ny miaramilany.

3 Ankehitriny dia efa naka vehivavy sy ankizy maro ny Lamanita, ary tsy nisy na vehivavy iray na ankizy iray tamin' ny sambobelon' i Môrônia rehe-tra, na ny sambobelona izay efa nalain' i Môrônia; koa namolavola tetikady iray i Môrônia mba hahazoana sambobelona Nefita maro araka izay tratra avy tamin' ny Lamanita.

4 Koa nosoratany ny taratasy ary nalefany tamin' ny alalan' ny mpanompon' i Amôrôna izany, dia ilay efa nitondra ny taratasy ho an' i Môrônia ihany. Ankehitriny dia izao no teny izay nosoratany ho an' i Amôrôna, manao hoe:

5 Indro, ry Amôrôna, somary efa nanoratra ho anao ihany aho momba ity ady izay efa novakianao tamin' ny oloko ity, na ny marimarina kokoa izay efa novakian' ny "rahalahinao taminy, ary izay mbola inianao tohizana taorian' ny fahafatesany.

6 Indro, somary mba te hilaza aminao ihany aho ny momba ny "fahamarinan' Andriamanitra sy ny sabatry ny fahatezerany tsitoha, izay mihantona eo amboninao raha tsy mibebaka ianao sy manaisotra ny miaramilanao hankamin' ny taninao ihany, na ny tany zakainao, dia ny tanin' i Nefia.

7 Eny, mba te hilaza aminao ireny zavatra ireny aho raha toa ka afaka mihaino azy ireny ianao; eny, mba te hilaza aminao aho ny momba ity "helo mahatsiravina ity izay miandry mba handray ny "mpamono olona toa anao sy ny rahalahinao, raha tsy mibebaka ianao sy manatsoaka ny fikasanao ta hamono ary miverina miaraka amin' ny miaramilanao any amin' ny taninao ihany.

8 Nefa toy ny efa nanipahanao indray mandeha ireny zavatra ireny sy efa niadianao tamin' ny vahoakan' ny Tompo, dia toy izany no ahazoako manampo ny hanaovanao izany indray.

9 Ary ankehitriny, indro, mio-mana izahay ny handray anareo; eny, ary raha tsy manatsoaka ny fikasanareo ianareo, dia indro, hampidininareo eo aminareo ny fahatezeran' Ilay Andriamanitra izay efa notsi-pahinareo, na dia hatrany amin' ny famongorana tanteraka anareo aza izany.

10 Nefa, raha velona koa ny Tompo, dia hosovohan' ny miaramilanay ianareo raha tsy miesotra, ary tsy ho ela dia hovan-giana amin' ny fahafatesana ianareo, fa hotananay ny tanànanay sy ny taninay; eny, ary hohazoninay ny fivavahanay sy ny foto-kevitra ny Andriamanitra.

11 Nefa indro, heveriko fa zava-poana ny iresahako aminao ny momba ireny zavatra

ireny; na heveriko fa “zanaky ny helo ianao; koa hofaranako ny taratasiko amin’ ny filazana aminao fa tsy hifanakalo sambobelona aho, raha tsy manafaka lehilahy iray sy ny vadiny ary ny zanany ianao, ho an’ ny sambobelona iray; raha izay no fisehoan-javatra ka hanao izany ianao, dia hifanakalo aho.

12 Ary indro, raha tsy manao izany ianao, dia ho avy aho hanohitra anao miaraka amin’ ny miaramilako; eny, hovatsiako fiadiana na dia ny vehivaviko sy ny ankiziko aza, ary dia ho avy aho hanohitra anao ary dia hotanarahiko ianao na dia hatrany amin’ ny taninao aza, dia ny tany “lovanay voalohany; eny, ary izany dia ho ra solon’ ny ra, eny, aina solon’ ny aina; ary izaho dia hamaky ady aminareo na dia ambara-pamongorana anareo eto ambonin’ ny tany aza.

13 Indro, ao amin’ ny fahatezerako aho, ary koa ny oloko; efa nokatsahinareo ny hamono anay, ary ny hany nokatsahinay dia ny hiaro ny tenanay. Nefa indro, raha katsahinareo ny hamongotra anay bebe kokoa, dia hokatsahinay ny hamongotra anareo; eny, ary izahay dia hikatsaka ny taninay, ny tany lovanay voalohany.

14 Ankehitriny dia faranako ny taratasiko. Izaho no Môrônia; izaho no mpitondra ny vahoakan’ ny Nefita.

15 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nandray izany

taratasy izany i Amôrôna dia tezitra; ary nanoratra taratasy iray hafa izy ho an’ i Môrônia, ary izao no teny izay nosoratan’ ny, manao hoe:

16 Izaho no Amôrôna, mpanjakan’ ny Lamanita; izaho dia rahalahin’ i Amalikià izay efa “novonoinareo. Indro, hamaly ny rany aminareo aho, eny, ary hosovohako miaraka amin’ ny miaramilako ianareo fa tsy atahorako ny fandrahonanareo.

17 Fa indro, nanao hadisoana tamin’ ny rahalahiny ny razanareo, hany ka norobainy taminy ny “zony amin’ ny fitondrana, kanefa azy marina tokoa izany.

18 Ary ankehitriny, indro, raha mametraka ny fiadianareo ianareo sy mifehy ny tenanareo mba hoentiny ireo izay manan-jo tokoa amin’ ny fitondrana, amin’ izany aho dia hanao izay hametrahan’ ny oloko ny fiadiany sy tsy hiadiany intsony.

19 Indro, efa nifofo fandrahona maro tamiko sy ny oloko ianareo; nefa indro, tsy matahotra ny fandrahonanareo izahay.

20 Na dia eo aza izany dia hotoviko amim-pifaliana tokoa ny hifanakalo sambobelona araka ny fangatahinao mba hahazoa ko mitsimbina ny hanina ho an’ ny lehilahiko an’ ady; ary izahay dia hamaky ady izay ho mandrakizay, na ho fampanoavana ny Nefita amin’ ny fahefanay, na ho famongorana azy mandrakizay.

21 Ary ny momba Ilay Andriamanitra izay lazainao fa efa

notsipahanay, dia indro, tsy mahafantatra fisiana toy izany izahay; na ianareo koa; nefa raha toa ka misy ny fisiana toy izany, izahay dia tsy mahafantatra afa-tsy ny hoe Izy no efa nanao anay sy ianareo koa.

22 Ary raha toa ka misy ny devoly sy ny helo, indro, moa va izy tsy handefa anareo any mba hiara-mitoetra amin' ny rahalahiko izay efa novonoinareo, izay tombananao fa efa lasa any amin' ny toerana toy izany? Nefa indro ireny zavatra ireny dia tsy manan-danja.

23 Izaho no Amôrôna, tamin' an' i "Zôrama izay noteren' ny razanareo ka nentiny niala an' i Jerosalema.

24 Ary indro ankehitriny, izaho dia Lamanita mavany; indro, izao ady izao no efa novakiana dia ny hamaliana faty ny hadisoana taminy sy ny hitanana ary ny hahazoana ny zony amin' ny fitondrana; ary faranako ny taratasiko ho an' i Môrônia.

TOKO 55

Nandà ny hifanakalo sambobelona i Môrônia — Nambosiana ho tonga mamo ny mpiambina Lamanita, ary nafahana ny babo Nefita — Nalaina tsy nisy ra latsaka ny tanànan' i Gida. Tokony ho 63–62 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy nandray izany taratasy izany i Môrônia dia vao

mainka tezitra, satria fantany fa i Amôrôna dia nanana fahalalana tanteraka ny amin' ny "famitahany; eny, fantany fa Amôrôna dia nahalala fa tsy marina ny foto-kevitra izay efa nahatonga azy hamaky ady tamin' ny vahoakan' i Nefia.

2 Ary hoy izy: Indro, tsy hifanakalo babo amin' i Amôrôna aho raha tsy manatsoaka ny fikasany izy, toy izay efa nola-zaiko tao amin' ny taratasiko; fa tsy hotoviko aminy ny hananany hery mihoatra noho izay efa ananany.

3 Indro, fantatro ny toerana izay iambenan' ny Lamanita ny oloko izay efa nalainy sambo-belona; ary satria tsy hotovin' i Amôrôna amiko araka ny taratasiko, dia indro, homeko azy araka ny teniko; eny, izaho dia hikatsaka fahafatesana eo anivony ambara-piangaviany fandriampahalemana.

4 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia nataony izay hampanaovana fikarohana tany anivon' ny olony, fa angamba izy mba mety hahita any anivony lehilahy iray izay tamingan' i Lamàna.

5 Ary ny zava-nitranga dia nahita anankiray izy ireo, izay i Lamàna no anarany; ary izy dia "anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpanjaka izay novonoin' i Amalikià.

6 Ankehitriny dia nasain' i Môrônia nandeha i Lamàna sy ny vitsivitsy tamin' ny olony

nankany amin' ny mpiambina izay niandry ny Nefita.

7 Ankehitriny ny Nefita dia nambenana tao an-tanànan' i Gida; koa notendren' i Môrônia i Lamàna ary nasainy nandeha ny vitsivitsy tamin' ny olony hiaraka aminy.

8 Ary nony hariva dia nandeha i Lamàna nankany amin' ny mpiambina izay niandry ny Nefita, ary indro, hitany izy tamy ary nantsoiny; nefa hoy izy taminy: Aza matahotra; indro, izaho dia Lamanita. Indro, efa nitsoaka niala ny Nefita izahay, ary matory izy ireo; ary indro, efa nakanay tamin' ny divainy sy nitondranay niaraka taminay.

9 Ankehitriny, nony nandre ireo teny ireo ny Lamanita dia nandray azy tamim-pifaliana; ary hoy ireo taminy: Omeo amin' ny divainao izahay, mba hahazoanay misotro; faly izahay fa efa nangalanao divay toy izany niaraka taminao fa reraka izahay.

10 Nefa hoy i Lamàna taminy: Aoka hitahiry amin' ny divaintsika isika ambara-pandehanan-tsika miady amin' ny Nefita. Nefa izany filaza izany dia tsy nanao afa-tsy ny nanome azy ireo faniriana bebe kokoa ny hisotro amin' ny divay;

11 Fa hoy ireo: Izahay dia rera-ka, noho izany dia aoka izahay haka amin' ny divay, ary raha afaka kelikely dia handray ny divay anjaranay izahay, izay hampahatanjaka anay mba handehananay miady amin' ny Nefita.

12 Ary hoy i Lamàna taminy: Mahazo manao araka ny fanirianareo ianareo.

13 Ary ny zava-nitranga dia naka malalaka tamin' ny divay tokoa izy ireo; ary nahafinaritra azy ireo ny tsirony, noho izany dia naka malalaka tamin' izany tokoa izy ireo; ary nahery izany, azon' ny nomanina tao amin' ny heriny.

14 Ary ny zava-nitranga dia nisotro izy ireo ary ravo, ary nony afaka kelikely dia mamo avokoa izy ireo.

15 Ary ankehitriny nony hitan' i Lamàna sy ny olony fa mamo avokoa izy ireo, ary ao anatin' ny torimasalo lalina, dia niverina tany amin' i Môrônia izy sy niteny taminy ny zava-drehetra izay efa nitranga.

16 Ary ankehitriny izany dia araka ny fikasan' i Môrônia. Ary efa nanomana ny olony niaraka tamin' ny fitaovam-piadiana i Môrônia; ary nandeha nankany an-tanànan' i Gida izy, raha mbola tao anatin' ny torimasalo lalina sy mamo ny Lamanita, ary nanipy fitaovam-piadiana ho an' ny sambobelona, hany ka voavatsy fiadiana avokoa izy ireo;

17 Eny, na dia ho an' ny vehivaviny aza sy ireo rehetra tamin' ny zanany, izay afaka mampiasa fitaovam-piadiana, dia novatsian' i Môrônia fiadiana ireo sambobelona rehetra ireo; ary ireo zava-drehetra ireo dia natao tao anatin' ny fahanginana lalina.

18 Nefa raha toa aza ka nofohaziny ny Lamanita, indro izy ireo dia mamo, ary dia ho afaka namono azy ireo ny Nefita.

19 Nefa indro, tsy izany no fanirian' i Môrônia; izy dia tsy nifaly tamin' ny famonoana na "fandatsahan-dra, fa nifaly kosa tamin' ny famonjena ny olony tamin' ny famongorana; ary ny antony dia ny mba tsy hahazoany mitondra tsy fahamari-nana eo aminy, fa tsy tiany ny hisovoka ny Lamanita ka hamongotra azy ireo ao amin' ny fahamamoany.

20 Satria efa azony ny niriany; fa efa novatsiany fiadiana ireo sambobelona tamin' ny Nefita izay tatỳ anatin' ny mandan' ny tanàna izy, ary efa nomeny hery izy ireo mba handraisany ny fizakana ireo ampahany izay tatỳ anatin' ny manda ireo.

21 Ary tamin' izay dia nasainy nisintona indray mandingana niala teo amin' izy ireo ny lehilahy izay niaraka taminy sy nanemitra manodidina ny miaramilan' ny Lamanita.

22 Ankehitriny indro izany dia vita nandritra ny alina, hany ka nony nifoha ny Lamanita tamin' ny maraina, dia hitany fa efa voahodidin' ny Nefita tatỳ ivelany izy ireo, ary ny sambobelony dia nirongo fiadiana tatỳ anatin' ny.

23 Ary dia toy izany no nahitany fa nanana fahefana taminy ny Nefita; ary tamin' izao fisehoan-javatra izao no nahitany fa tsy tsara ny hiadiany amin' ny Nefita; koa notakian' ny lohan' ny kapiteniny ny fitaovam-piadiany, ary nentiny izany sy natsipiny teo an-tongotry

ny Nefita, hitalahoany famindram-po.

24 Ankehitriny, indro, izany no fanirian' i Môrônia. Nalainy ho babo an' ady izy ireo ka noraisiny ny fizakana ny tanàna, ary nataony izay hanafahana ny sambobelona rehetra, izay Nefita; ary ireo dia nikambana tamin' ny miaramilan' i Môrônia, ary nanjary hery lehibe ho an' ny miaramilany.

25 Ary ny zava-nitranga dia nasainy nanomboka ny "asa ho fanamafisana ny toera-mimanda manodidina ny tanànan' i Gida ny Lamanita izay efa nalainy sambobelona.

26 Ary ny zava-nitranga, nony efa nanamafy ny tanànan' i Gida izy araka ny faniriany, dia nataony izay hitondrana ny sambobelony any an-tanànan' i Soafeno; ary nampiambenany koa niaraka tamin' ny tanjaka mahery izaitsizy tokoa izany tanàna izany.

27 Ary ny zava-nitranga, na dia teo avokoa aza ny fiokoan' ny Lamanita, dia nitsimbina sy niaro ny sambobelona rehetra izay efa nalainy izy ireo ary koa nitana ny tany sy ny tombontsoa rehetra izay efa azony indray.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho nandresy indray ny Nefita, ary naha-tafoverina indray ny zony sy ny tombontsoany.

29 Imbetsaka ny Lamanita no nanandrana nanemitra azy manodidina tamin' ny alina, nefa tamin' ireny andrana ireny

dia nahaverezana sambobelo-na maro izy ireo.

30 Ary imbetsaka izy ireo no nanandrana nampisotro ny Nefita tamin' ny divainy mba hahazoany mamongotra azy amin' ny poizina na amin' ny fahamamoana.

31 Nefa indro, tsy nitaredretra tamin' ny "fahatsiarovana ny Tompo Andriamariny ny Nefita tamin' izany fotoam-pahoriana izany. Tsy nety ho azo tao amin' ny fandrika izy; eny, tsy nety nisotro tamin' ny divainy izy raha tsy efa nanome mialoha ny sasany tamin' ny babo Lamanita.

32 Ary dia malina toy izany izy mba tsy hanomezana poizina any anivony; fa raha manapoizina Lamanita ny divainy, dia hanapoizina Nefita koa izany; ary dia toy izany no nanandramany ny toakany rehetra.

33 Ary ankehitriny ny zavanimitranga dia nilain' i Môrônia ny manao fiomanana mba hanafika ny tanànan' i Môriantôna; fa indro, ny Lamanita dia efa nanamafy tamin' ny asany ny tanànan' i Môriantôna, ambarapahatongan' izany ho toeram-pamaharana izaitsizy.

34 Ary nitondra hery vao lalandava izy ireo nankao amin' izany tanàna izany, ary koa famatsiana vao.

35 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 56

Nandefa taratasy ho an' i Môrônia i Helamàna, nitantara ny toetoetry ny ady tamin' ny Lamanita — Nahazo fandresena lehibe tamin' ny Lamanita i Antipo sy i Helamàna — Niady niaraka tamin' ny hery mahagaga ny zatovolahin' i Helamàna roa arivo, ary tsy nisy maty taminy. Andininy 1, tokony ho 62 talohan' i J.K.; andininy 2–19, tokony ho 66 talohan' i J.K.; ary andininy 20–57, tokony ho 65–64 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara, tamin' ny andro faharoa tamin' ny volana voalohany, dia nandray taratasy avy tamin' i Helamàna i Môrônia, milazalaza ny toe-draharahan' ny vahoaka tamin' izany faritry ny tany izany.

2 Ary izao no teny izay nosoratany, manao hoe: Ry Môrônia rahalahiko malala tiana tokoa ao amin' ny Tompo ary koa ao amin' ny fijalian' ny adintsika; indro, ry rahalahiko malala, somary manan-kolazaina aminao ihany aho, momba ny adintsika ao amin' ity faritry ny tany ity.

3 Indro, "roa arivo tamin' ny zanakalahin' ny vahoaka izay nentin' i Amôna nidina avy tany an-tanin' i Nefia — ankehitriny dia efa fantatrao fa tamingan' i Lamàna izay lahimatoan' i Lehia raintsika izy ireo;

4 Ankehitriny dia tsy ilaiko ny mitantara aminao ny momba ny fomba-drazany na ny tsy finoa-ny, satria fantatrao ny momba ireo zavatra rehetra ireo—

5 Koa ampy ho ahy ny ilazako aminao fa roa arivo tamin' ireo zatovolahy ireo no efa nandray ny fitaovam-piadiany sy naniry ahy mba ho mpitondra azy ireo; ary efa lasana izahay hiaro ny tanintsika.

6 Ary ankehitriny dia fantatrao koa ny momba ny "fanekempihavanana izay nataon' ny rainy, dia ny tsy handraisany fitaovam-piadiany hanohitra ny rahalahiny ka handatsa-dra.

7 Nefa tamin' ny taona fahenina amby roapolo, nony hitany ny fahoriantika sy ny fijalian-tsika noho ny aminy, dia efa saika "horavany ny fanekempihavanana izay efa nataony, ka horaisiny ny fitaovam-piadiany ho fiarovana antsika.

8 Nefa izaho dia tsy te hamela azy ireo mba handravany izany fanekempihavanana izay efa nataony izany, noho ny fiheverana fa hanatanjaka antsika Andriamanitra, hany ka tsy hijaly bebe kokoa isika noho ny fahatanterahan' ny fianianana izay efa nataony.

9 Nefa indro, ity misy zavatra iray izay mety ananantsika fifaliana lehibe. Fa indro, tamin' ny taona fahenina amby roapolo, izaho Helamàna dia nandeha nialoha lalana ireo zatovolahy roa arivo ireo nankany an-tanànan' i Jodeà mba hanampy an' i

Antipo izay efa notendrenao ho mpitondra ny vahoakan' izany faritry ny tany izany.

10 Ary izaho dia nanambatra ny zanako roa arivo lahy (fa izy ireo dia mendrika ny antsoina hoe zanakalahy) tamin' ny miaramilan' i Antipo, dia hery izay nampifaly an' i Antipo izaitsizy tokoa; fa indro, efa nahenan' ny Lamanita ny miaramilany satria efa novonoin' ny tafiny ny maro an' isa tamin' ny olontsika, izay mahatonga antsika tsy maintsy hisaona.

11 Na dia teo aza izany, dia mahazo mampionona ny tenantsika isika amin' izay foto-kevitra izay, fa efa maty izy ireo ho fiarovana ny taniny sy ny Andriamaniny, eny, ary "sambatra izy ireo.

12 Ary efa notanan' ny Lamanita koa ny sambobelona maro izay lohan' ny kapiteny avokoa, satria tsy mba notsimbininy ho velona ny hafa. Ary heverintsika fa ankehitriny, amin' izao fotoana izao, dia any an-tanin' i Nefia izy ireny; izany no izy raha toa ka tsy voavono izy ireny.

13 Ary ankehitriny dia ireto no tanàna izay efa azon' ny Lamanita ny fizakana izany tamin' ny fandatsahana ny ran' ny maro tokoa tamin' ny lehilahy maherintsika:

14 Ny tanin' i Mantia, na ny tanànan' i Mantia, sy ny tanànan' i Zezrôma ary ny tanànan' i Komenia sy ny tanànan' i Antiparà.

15 Ary ireo no tanàna izay

nozakainy raha tonga tao antanànan' i Jodeà aho; ary nahita an' i Antipo sy ny olony aho nilofo tamin' ny heriny mba hanamafy ny tanàna.

16 Eny, ary reraka izy ireo na ara-batana na koa ara-tsaina, satria efa niady tamin-kerim-po tokoa izy ireo nony antoandro ary nilofo nony alina mba hitana ny tanànanay; ary dia toy izany no efa niaretany fahoriana lehibe isan-karazany.

17 Ary ankehitriny dia tapa-kevitra izy ireo na handresy eo amin' izany toerana izany na ho faty; koa azonao an-tsaina tsara fa ity tafika kely ity izay nentiko niaraka tamiko, eny, ireo zanako lahy ireo, dia nanome azy ireo fanantenana lehibe sy fifaliana fatratra.

18 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa nandray tanjaka bebe kokoa ho an' ny miaramilany i Antipo, dia voatery izy, noho ny baikon' i Amôrôna, ny tsy hamaky ady amin' ny tanànan' i Jodeà na aminay.

19 Ary dia toy izany no nankasitranan' ny Tompo anay fa raha notafihiny tao amin' ny fahalemenay izahay, dia angamba mety ho efa nofongorany ny tafika kelinay; nefa dia toy izany no efa nitsimbinana anay.

20 Nobaikoan' i Amôrôna izy mba hitanany ny tanàna izay efa azony. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby roapolo. Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahafito amby roapolo dia efa nanomana

ny tanànanay sy ny tenanay ho amin' ny fiarovana izahay.

21 Ankehitriny dia naniry izahay ny hanafihan' ny Lamanita anay; fa izahay dia tsy naniry ny hanao fanafihana azy any amin' ny toeram-pamaharany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandefa mpitsikilo manodidina izahay, hitily ny fihetsiky ny Lamanita mba tsy hahazoany mandalo anay amin' ny alina na amin' ny antoandro, hanao fanafihana ny tanànanay izay ao andafiavaratra.

23 Satria fantatray fa ry zareo tao amin' ireo tanàna ireo dia tsy ampy hery firy hifanandrina aminy; koa naniry izahay, raha mandalo eto akaikinay izy, ny hanafika azy ao amin' ny vodilaharany, ary dia toy izany no hanapenan-dalana azy ao amin' ny vodilaharana, miaraka amin' izay koa no hitsenana azy ao amin' ny lohalaharana. Nihevitra izahay fa ho afaka mandresy azy; nefa indro, diso fanantenana izahay tao amin' izany fanirianay izany.

24 Tsy sahiny ny nandalo anay niaraka tamin' ny miaramilany rehetra, no tsy sahiny ny niaraka tamin' ny ampahany, fandrao tsy ho ampy hery firy izy ireo, ary ho lavo.

25 Sady tsy sahiny ny nandeha nidina hanohitra ny tanànan' i Zarahemlà; no tsy sahiny ny nita ny lohan' i Sidôna hankany an-tanànan' i Nefihà.

26 Ary dia toy izany no naha-tapa-kevitra azy, niaraka tamin' ny tafiny, hitana ireo tanàna izay efa azony ireo.

27 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny volana faharoan' ny taona, dia nisy vatsy maro avy tany amin' ny rain' ireo zanako lahy roa arivo ireo nentina nankatỳ aminay.

28 Ary nisy koa roa arivo lahy nalefa tatỳ aminay avy tany an-tanin' i Zarahemlà. Ary dia toy izany no efa niomananay niaraka tamin' ny iray alina lahy sy ny vatsy ho azy ireo ary ho an' ny vady aman-janany koa.

29 Ary ny Lamanita, rehefa nahita ny tafikay nitombo isan' andro toy izany sy ny vatsy tonga ho fanohanana anay, dia nanomboka ho feno tahotra sy nanomboka nisovoka an-tselika mba hampitsahatra araka izay azo atao ny fandraisanay vatsy sy hery.

30 Ankehitriny, nony hitanay fa nanomboka ho tsy tafandry mandry toy izany ny Lamanita, dia naniry izahay ny hampiasa tetik' ady aminy; koa nodidian' i Antipo ny handehanako miaraka amin' ny zanako hankamin' ny tanàna akaiky, miova tsy ny hitondra vatsy ho an' ilay tanàna akaiky.

31 Ary tokony handalo eo akaikin' ny tanànan' i Antiparà izahay, toy ny handeha any amin' ny tanàna ambadika, any amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izahay, toy ny miaraka amin' ny vatsinay, hankamin' izany tanàna izany.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Antipo niaraka tamin' ny ampahan' ny miaramilany,

rehefa namela ny sisa hitana ny tanàna. Nefa tsy nandeha izy raha tsy efa lasana aho niaraka tamin' ny tafika keliko sy tonga tao akaikin' ny tanànan' i Antiparà.

34 Ary ankehitriny, dia tao antanànan' i Antiparà no nitoby ny mahery indrindra tamin' ny miaramilan' ny Lamanita; eny, ny maro an' isa indrindra.

35 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nampahalalain' ny mpi-tsikilony izy, dia nivoaka niaraka tamin' ny miaramilany ary nandeha hifanandrina aminay.

36 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloany izahay nianavaratra. Ary dia toy izany no nitarihinay ny mahery indrindra tamin' ny miaramilan' ny Lamanita hanalavitra;

37 Eny, na dia hatrany amin' ny halavirana be aza, hany ka nony hitany ny miaramilan' i Antipo nanenjika azy, tamin' ny heriny, dia tsy nihodina tany an-kavanana na tany an-kavia izy, fa nanohy ny diany kosa, nizotra mahitsy nanaraka anay; ary, araka ny fihevitrany dia fika-sany ny hamono anay mialohan' ny hanatrarany i Antipo azy, ary izany dia ny tsy hahatonga azy ho voatemitry ny olontsika.

38 Ary ankehitriny i Antipo, rehefa nahatazana ny loza teo aminay, dia nanafaingana ny dian' ny miaramilany. Nefa indro, alina ny andro; koa tsy nahatratra anay izy ireo, sady tsy nahatratra azy ireo koa i Antipo; koa nilasy izahay noho ny alina.

39 Ary ny zava-nitranga, talo-

han' ny mangiran-dratsin' ny maraina, dia indro nanenjika anay ny Lamanita. Ankehitriny dia tsy ampy hery firy izahay hanohitra azy; eny, izaho dia tsy te hamela ny zanako lahy kely hianjera eo an-tanany; koa nano-hy ny dianay izahay ary nandeha nankany an-tany foana.

40 Ankehitriny dia tsy sahiny ny nihodina tany an-kavanana na tany an-kavia fandrao ho voatemitra; izaho koa dia tsy te hihodina any an-kavanana na any an-kavia, fandrao hahatratra ahy izy, ary tsy hahatohitra azy izahay fa ho voavono kosa, ary dia hitsoaka izy; ary dia toy izany no nandosiranay ny manontolo andro nankany an-tany foana, mandra-pahamainina ny andro.

41 Ary ny zava-nitranga indray, nony tonga ny hazavan' ny maraina, dia nahita ny Lamanita mby eo aminay izahay ary nandositra teo anoloany izahay.

42 Nefa ny zava-nitranga dia tsy nanenjika anay lavitra izy talohan' ny nijanonany; ary izany dia tamin' ny marainan' ny andro fahatelon' ny volana fahafito.

43 Ary ankehitriny, raha toa izy ka tratran' i Antipo, dia tsy fantatray, saingy hoy aho tamin' ny oloko: Indro, tsy fantatsika raha efa nijanona izy, satria ny kendrena dia ny hahatongavantsika hanohitra azy mba hahazoany misambotra antsika ao amin' ny fandriny;

44 Noho izany, inona no lazai-

nareo, anaka, moa va ianareo handeha hiady aminy?

45 Ary ankehitriny lazaiko aminao ry Môrônia rahalahiko malala, fa na oviana na oviana dia tsy nahita "herim-po lehibe toy izany aho, tsia, tsy teo anivon' ny Nefita rehetra.

46 Fa toy ny efa niantsoako azy ireo hoe zanako lahy (fa izy rehetra dia tena tanora) dia toy izany no nilazany tamiko hoe: Ikaky ô, indro, ny Andriamantsika dia miaraka amintsika, ary tsy hamela antsika ho lavo Izy; aoka isika handeha amin' izany; tsy hamono ny rahalahintsika isika raha tsy maninona antsika izy; noho izany dia aoka isika handeha, fandrao dia ho resiny ny miaramilan' i Antipo.

47 Ankehitriny dia tsy mbola niady mihitsy izy ireo, kanefa tsy natahorany ny fahafatesana; ary nihevitra ny amin' ny "fahafahan' ny rainy mihoatra noho ny niheverany ny ainy izy ireo; eny, efa nampianarin' ny ^breniny izy ireo fa raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra no hanafaka azy ireo.

48 Ary naveriny tamiko ny tenin' ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay.

49 Ary ny zava-nitranga dia niverina aho niaraka tamin' ny roa arivoko hanohitra ireo Lamanita izay efa nanenjika anay ireo. Ary ankehitriny, indro, efa nahatratra azy ny miaramilan' i Antipo, ary ady mahatsiravina no efa niantomboka.

50 Ny miaramilan' i Antipo, izay reraka noho ny dia lavitra tao anatin' ny fotoana fohy tokoa, dia efa akaiky ho lavo teo an-tanan' ny Lamanita; ary raha tsy niverina niaraka tamin' ny roa arivoko aho, dia ho efa azo ny izay niriany.

51 Fa efa lavo tamin-tsabatra i Antipo sy ny maro tamin' ny mpitondra, noho ny harerahany izay nateraky ny hafaingan' ny diany—koa ny olon' i Antipo, rehefa nisavoritaka noho ny fahalavoan' ny mpitondra azy, dia nanomboka nikoa teo anoloan' ny Lamanita.

52 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery ny Lamanita sy nanomboka nanenjika azy; ary dia toy izany no nanenjehin' ny Lamanita azy tamim-pahavitrihina be, raha nanafika ny vodilaharany i Helamàna niaraka tamin' ny roa arivony sy nanomboka nandripaka azy izaitsizy tokoa, hany ka ny miaramila Lamanita manontolo no nijanona sy niatrika an' i Helamàna.

53 Ankehitriny nony nahita ny olon' i Antipo fa efa niverina ilalana ny Lamanita dia novoriany miaraka ny olony ary notafiany indray ny vodilaharan' ny Lamanita.

54 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia izahay, vahoakan' i Nefia, vahoakan' i Antipo sy izaho niaraka tamin' ny roa arivoko, no nanemitra manodidina ny Lamanita sy nandripa-

ka azy; eny, hany ka voatery izy nanolotra ny fitaovam-piadiany ary koa ny tenany ho toy ny babo an' ady.

55 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nitolo-batana taminay izy, dia indro, nisaiko ireo zatovolahy ireo izay efa niady niaraka tamiko, noho ny fahatahorana fandrao nisy maro taminy no voavono.

56 Nefa indro, akory ny halehiben' ny fifaliako, "tsy nisy na dia iray aza taminy no lavo tamin' ny tany; eny, ary efa niady miova tsy ny niaraka tamin' ny herin' Andriamamitra izy ireo; eny, na oviana na oviana dia tsy nisy olona fantatra ho efa niady niaraka tamin' ny hery mahagaga toy izany; ary niaraka tamin' ny hery mahagaga toy izany no nianjerany tamin' ny Lamanita, ka nampitahorany azy; ary noho izany antony izany no nanoloran' ny Lamanita ny tenany ho toy ny babo an' ady.

57 Ary satria izahay tsy nanana toerana ho an' ny babonay, izay nahafahanay niambina azy ireny mba hitana azy ireny lavitra ny miaramilan' ny Lamanita, dia nalefanay tany an-tanin' i Zarahemlà izy ireny, ary niaraka taminy ny ampahany tamin' ireo lehilahin' i Antipo izay tsy voavono; ary ny sisa dia nalaiko ary nakambako tamin' ny "Amônita zatovoko, ary nandeha niverina nankany an-tanànan' i Jodeà izahay.

TOKO 57

Nitantara ny nahazoana an' i Antiparà sy ny filavoan-defona ary tato aorian' ny fiarovana an' i Komenia i Helamàna—Niady tamin-kerim-po tokoa ny Amônita zatovony; naratra avokoa izy ireo nefa tsy nisy maty—Nitatitra ny fandripahana sy ny fandosiran' ny babo Lamanita i Gida. Tokony ho 63 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nandray taratasy avy tamin' i Amôrôna mpanjaka aho, milaza fa raha manafaka ireo babo an' ady izay efa nalainay aho, dia hatolony anay ny tanànan' i Antiparà.

2 Nefa nandefa taratasy ho an' ny mpanjaka aho satria matoky izahay, fa ny tafikay dia ampy hakana ny tanànan' i Antiparà amin-kery; ary ny fanafahana babo ho takalon' izany tanàna izany dia hieveranay ny tenanay ho tsy hendry, satria tsy hanafaka ny babonay izahay raha tsy amin' ny fifanakalozana.

3 Ary nolavin' i Amôrôna ny taratasiko, fa tsy te hifanakalo babo izy; koa nanomboka nanao fiomanana izahay mba handeha hanohitra ny tanànan' i Antiparà.

4 Nefa nandao ny tanàna ny vahoakan' i Antiparà ary nandositra nankany amin' ny tanàna hafa, izay nananany fizakana, mba hanamafy azy ireny; ary dia toy izany no nianjeran'

ny tanànan' i Antiparà teo antànanay.

5 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

6 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy amby roapolo, dia nandray famatsiana izahay ary koa fanampiny ho an' ny miaramilanay, avy tany an-tanin' i Zarahemlà sy avy tamin' ny tany manodidina, miisa ho enina arivo lahy, ankoatra ny enimpolo tamin' ny "zanakalahin' ny Amônita izay efa tonga mba hikambana amin' ny rahalahiny, ny tafika keliko roa arivo. Ary ankehitriny, indro, izahay dia nahery, eny, ary nanananay koa ny vatsy sesehena nentina ho anay.

7 Ary ny zava-nitranga dia fanirianay ny hamaky ady amin' ny miaramila izay napetraka mba hiaro ny tanànan' i Komenia.

8 Ary ankehitriny, indro, hasehoko anao fa tsy ela dia notanterahinay ny fanirianay; eny, niaraka tamin' ny tafikay matanjaka, na niaraka tamin' ny ampahan' ny tafikay matanjaka izahay ary nanemitra manodidina ny tanànan' i Komenia tamin' ny alina, kely foana talohan' ny tokony handraisany famatsiana.

9 Ary ny zava-nitranga dia nilasy manodidina ny tanàna izahay, nandritra ny alina maro; saingy natory teo amin' ny sabatray izahay ary nametraka mpiambina izay tsy nahafahan'

ny Lamanita nisovoka sy nandripaka anay nony alina, izay nandramany imbetsaka; saingy arakaraka ny nanandramany izany imbetsaka no nilatsahan' ny rany.

10 Rehefa ela dia tonga ny vatsiny, ary efa handeha hiditra ny tanàna amin' ny alina izy ireo. Ary izahay, raha tokony ho Lamanita, dia Nefita; noho izany dia nalainay izy ireo sy ny vatsiny.

11 Ary na dia teo aza ny nahatapaka ny fanohanana ho an' ny Lamanita araka izany fomba izany, dia mbola tapa-kevitra izy ireo ny hitana ny tanàna; noho izany dia nanjary nilaina ny hakanay ireo vatsy ireo sy ny handefasanay ireo any Jodeà, ary ny babonay any an-tanin' i Zarahemlà.

12 Ary ny zava-nitranga dia tsy firy ny andro efa lasana talohan' ny nanombohan' ny Lamanita ho very fanantenana famonjena; koa natolony ho eo an-tananay ny tanàna; ary dia toy izany no efa nahatontosanay ny fikasanay tamin' ny nahazoana ny tanànan' i Komenia.

13 Nefa ny zava-nitranga dia maro loatra ny babonay, ka na dia teo aza ny fahabetsahan' ny isanay, dia voatery izahay hampiasa ny herinay rehetra mba hitana azy ireo, na hamono azy ireo ho faty.

14 Fa indro, nitsoaka nanao rodobe izy ireo ary niady tamin' ny vato sy ny kibay, na rehefa mety ho zavatra azony raisina an-tanana, hany ka nahafaty mihoatra ny roa arivo taminy

izahay taorian' ny efa nitolorany tena ho babo an' ady.

15 Noho izany dia nilainay ny hanaperanay ny ainy, na ny hiambananay azy ireo, tamin' ny fitanana sabatra, midina any an-tanin' i Zarahemlà; ary ny vatsinay koa dia zara raha ampy ho an' ny olonay ihany, na dia teo aza izay efa nalainay tamin' ny Lamanita.

16 Ary ankehitriny, tamin' ireny fotoan-tsarotra ireny, dia nanjary raharaha tena nanahirana ny manapaka ny momba ireo babo an' ady ireo; na dia teo aza izany dia notapahinay ny handefa azy ireo midina any an-tanin' i Zarahemlà; koa nifantina ampahany tamin' ny olonay izahay ary nanome azy ireo ny fiadidiana ny babonay hidina any an-tanin' i Zarahemlà.

17 Nefa ny zava-nitranga nony ampitso dia niverina izy ireo. Ary ankehitriny, indro, tsy nadina azy ireo momba ny babo izahay; satria indro, efa teo aminay ny Lamanita, ary niverina ara-potoana izy ireo mba hamonjy anay tsy hianjera eo an-tanany. Fa indro efa nalefan' i Amôrôna, ho fanohanana azy ireo, ny famatsiana vaovao ary koa vata-miaramila sesehena.

18 Ary ny zava-nitranga, dia tonga ara-potoana mba hisakana azy ireo ny olona izay nalefanay niaraka tamin' ny babo, satria efa saika resiny izahay.

19 Nefa indro, ny tafika keliko enimpolo sy roa arivo dia niady tamin' ny fara-heriny tokoa; eny, nahery izy teo anoloan' ny Lamanita sy nampitondra fa-

hafatesana tamin' ireo rehetra izay nanohitra azy.

20 Ary raha saika nikoa teo anoloan' ny Lamanita ny miaramilanay sisa, dia indro, ireo enimpolo sy roa arivo ireo dia nahery sy tsy nilefitra.

21 Eny, ary nankatoaviny sy noezahany ny hanatontosa ny teny tsirairain' ny fibaikoana tamin' ny antsipiriany; eny, ary dia efa natao taminy araka ny finoany; ary izaho dia nahatsiaro ny teny izay nolazainy tamiko fa efa nampianarin' ny "reniny azy.

22 Ary ankehitriny, indro, noho ireo zanako lahy ireo sy ireo olona ireo izay efa nofan-tenana mba hanatitra ny babo, no nahazoanay izao fandresena lehibe izao; fa ireo no nandresy ny Lamanita; koa voatosika izy hiverina any an-tanànan' i Mantia.

23 Ary izahay dia nitana an' i Komenia tanànanay, ary tsy voaringana tamin-tsabatra izahay; kanefa, efa tojo famoizana be izahay.

24 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny nandosiran' ny Lamanita, dia nomeko avy hatrany ny baiko hanalana ny oloko izay efa naratra teo anivon' ny maty ary nasaiko notsaboina ny ratrany.

25 Ary ny zava-nitranga dia nisy roanjato tamin' ny enimpolo sy roa arivoko no efa safotra noho ny fahaverezan-dra; kanefa, araka ny hatsaram-pon' Andriamanitra, ary fahagagana

lehibe ho anay erỳ, ary koa fifalian' ny miaramilanay iray manontolo, fa "tsy nisy na dia iray aza taminy maty; eny, ary tsy nisy koa na dia iray aza teo anivony izay tsy nahazo ratra maro.

26 Ary ankehitriny, ny fitsimbinana azy ireo dia fahagagana ho an' ny miaramilanay iray manontolo, eny, satria efa no-tsimbinina izy ireo raha nisy an' arivony tamin' ny rahalahinay kosa no voavono. Ary tombananay marina tokoa izany ho avy amin' ny "hery mahagagan' Andriamanitra, noho ny ^bfinoany fatratra izay efa nampianarina azy ireo mba hino—fa nisy Andriamanitra marina, ary na zovy na zovy no tsy niroanahana dia hotsimbinin' ny heriny mahatalanjona.

27 Ankehitriny dia izany no finoan' ireo izay efa noresahiko ireo; tanora izy ireo ary mitombina ny sainy, ary apetrany lalandava amin' Andriamanitra ny fitokiany.

28 Ary ankehitriny ny zava-nitranga taorian' ny efa nikarakananay toy izany ny lehilahinay maratra sy efa nandevenanay ny maty taminay ary koa ny maty tamin' ny Lamanita izay maro, dia indro, nanadina an' i Gida izahay ny momba ny babo izay efa natombok' izy ireo ny fampidinana azy ireny miaraka tany an-tanin' i Zarahemlà.

29 Ankehitriny dia i Gida no lohan' ny kapiteny tamin' ny andiany izay efa notendrena

hiambina azy ireny midina any amin' ny tany.

30 Ary ankehitriny, izao no teny izay nolazain' i Gida tami-ko: Indro, nanomboka nandeha nidina tany an-tanin' i Zarahem-là izahay niaraka tamin' ny babonay. Ary ny zava-nitranga dia nifanena tamin' ny mpitsiki-lon' ny miaramilantsika izahay, izay efa nirahina mba hitily ny tobin' ny Lamanita.

31 Ary nihiaka anay izy ireo, nanao hoe: Indro, ny miarami-lan' ny Lamanita dia eo am-pan-dehanana mankany an-tanànan' i Komenia; ary indro, hosovo-hany izy ireo, eny, ary hofon-gorany ny vahoakantsika.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandre ny hiakany ny babon-tsika, izay nahatonga azy ireo -hahazo hery; ary dia nitsangana nikomy taminay izy ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, noho ny fikomiany dia nataonay izay hianjeran' ny sabatray taminy. Ary ny zava-nitranga dia ni-rohotra ho tena iray izy ireo nan-kamin' ny sabatray, ka tamin' izany no nahafaty ny maro taminy; ary ny sisa taminy dia namakivaky an-tenin' aina sy nandositra anay.

34 Ary indro, nony efa nando-sitra izy ireo, ary tsy nety tra-tranay, dia nandeha faingana izahay nankany an-tanànan' i Komenia; ary indro, tonga ara-potoana izahay mba hahazoa-nay manampy ny rahalahinay amin' ny fitsimbinana ny tanàna.

35 Ary indro, afahana indray

amin' ny tanan' ny fahavalon-tsika isika. Ary hotahiana anie ny anaran' Andriamanitsika; fa indro, Izy no efa nanafaka antsika; eny, efa nanao izao zavatra lehibe izao ho antsika.

36 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre ireo tenin' i Gida ireo izaho Helamàna dia heniky ny fifaliana fatratra noho ny hatsaram-pon' Andriamani-tra tamin' ny fitsimbinany anay mba tsy hahafaty anay rehetra; eny, ary matoky aho fa ny fana-hin' ireo izay efa voavono dia efa "miditra ao amin' ny fitsa-haran' Andriamaniny.

TOKO 58

Nahafaka ny tanànan' i Mantia tamin' ny tetik' ady i Helamàna, i Gida ary i Teômnëra—Niesotra ny Lamanita—Notsimbinina ny zanakalahin' ny vahoakan' i Amôna noho izy ireo niorina mafy tamin' ny fiarovana ny fahafahany sy ny finoany. Tokony ho 63–62 talo-han' i J.K.

ARY indro, ankehitriny ny zava-nitranga dia ny hahazoana ny tanànan' i Mantia no tanjonay manaraka; nefa indro tsy nisy fomba izay nahafahanay nitari-ka azy ireo hivoaka ny tanàna tamin' ny alalan' ny antoko ke-linay. Fa indro, tadidiny izay efa nataonay hatrizao; koa izany no tsy nahafahanay "namitaka azy ireo hanalavitra ny toeram-pamaharany.

2 Ary tena maro loatra noho ny

miaramilanay izy ireo ka tsy sahinay ny nandroso sy nanafika azy ireo tao amin' ny toeram-pamaharany.

3 Eny, ary nanjary nilaina ny hampiasanay ny lehilahinay mba hitana ireo ampahany tamin' ny tany izay efa azonay indray ny fizakana azy; noho izany dia nanjary nilaina ny hiandrasanay mba hahazoanay mandray hery bebe kokoa avy any an-tanin' i Zarahemlà ary koa famatsiana vaovao.

4 Ary ny zava-nitranga dia nandefa iraka toy izany aho nankany amin' ny governoran' ny taninay mba hampahalala azy ny momba ny raharahan' ny vahoakanay. Ary ny zava-nitranga dia niandry ny handray vatsy sy hery avy any an-tanin' i Zarahemlà izahay.

5 Nefa indro, izany dia tsy nahasoa anay afa-tsy kely ihany; satria ny Lamanita koa dia nandray hery lehibe isan' andro isan' andro, ary koa vatsy maro; ary dia toy izany no toe-javatra teo aminay tamin' izany vanimpotoana izany.

6 Ary nisovoka an-tselika ombieny ombieny ny Lamanita nanohitra anay, rehefa tapa-kevitra ny hamongotra anay tamin' ny tetik' ady; kanefa tsy afaka namaky ady taminy izahay, noho ny toerana fiereny sy famaharany.

7 Ary ny zava-nitranga dia niandry tao anatin' ireny toe-javatra ireny izahay, nandritra ny volana maro, na dia efa saika maty aza noho ny filana hanina.

8 Nefa ny zava-nitranga, dia

nandray hanina izahay, izay nambenan' ny miaramila roa arivo lahy ho fanampiana anay; ary izay no hany fanampiana izay noraisinay, hiarovana ny tenanay sy ny taninay tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalonay, eny, hiadiana amin' ny fahavalo izay tsy tambo isaina.

9 Ary ankehitriny ny anton' ireo fahasahirananay ireo, na ny antony izay tsy nandefasany hery bebe kokoa ho anay, dia tsy fantatray; noho izany dia nalahelo izahay ary koa feno tahotra, fandrao mety hisy fomba hahatongavan' ny famaizan' Andriamanitra amin' ny taninay, ho fanonganana sy ho famongorana anay tanteraka.

10 Koa noborahanay tamimbavaka tamin' Andriamanitra ny fanahinay mba hanatanjahany anay sy hanafahany anay eo an-tanan' ny fahavalonay, eny, ary koa hanomezany hery anay mba hahazoanay mitana ny tanànanay sy ny taninay ary ny fanananay, ho fanohanana ny vahoakanay.

11 Eny, ary ny zava-nitranga dia namangy anay tamin' ny fanomezan-toky ny Tompo Andriamanitray fa hanafaka anay Izy; eny, hany ka nanambara fiadanana Izy ho an' ny fanahinay, ary notoviny taminy ny finoana lehibe, ary nataony izay hanantenanay ny fanafahana anay ao Aminy.

12 Ary izahay dia nahazo hery niaraka tamin' ny tafika kelinay izay efa noraisinay, ka nandray fanapahan-kevitra hentitra ny handresy ny fahavalonay, ary

ny "hitana ny taninay sy ny fanananay, ary ny vadinay sy ny zanakay, ary ny foto-kevitra ny ^bfahafahanay.

13 Ary dia toy izany no nandehananay tamin' ny herinay rehetra nanohitra ny Lamanita izay tao an-tanànan' i Mantia; ary izahay dia nanangana ny lainay teo akaikin' ny ilan' ny tany foana, izay teo akaikin' ny tanàna.

14 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, nony nahita ny Lamanita fa izahay dia tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana izay akaikin' ny tanàna izahay, dia nalefany nanodidina anay ny mpitsikilony mba hahitany ny isa sy ny tanjaky ny miaramilanay.

15 Ary ny zava-nitranga nony hitany fa izahay dia tsy natanjaka, raha ny isanay, ary noho ny fahatahorana fa izahay dia hanapaka azy amin' ny fanohanana azy raha tsy mivoaka izy hiady aminay sy hamono anay, ary koa noho ny fiheverana fa afaka mamongotra anay mora foana izy miaraka amin' ny miaramilany maro, koa natombony ny fanaovana fiomanana hivoaka mba hiady aminay izy.

16 Ary nony nahita izahay fa nataony ny fiomanana mba hivoaka hiady aminay, dia indro, nasaiko nanafina ny tenany tany an-tany foana i Gida, niaraka tamin' olom-bitsy, ary i Teômnëra koa sy ny olom-bitsy dia nanafina ny tenany tany an-tany foana.

17 Ankehitriny i Gida sy ny olony dia tao an-kavanana ary ny hafa tao an-kavia; ary rehefa avy nanafina ny tenany toy izany izy ireo, dia indro, izaho no nijanona niaraka tamin' ny miaramilako sisa, teo amin' ny toerana izay efa nanangananay voalohany ihany ny lainay, hiatrika ny fotoana izay hivoahan' ny Lamanita hiady.

18 Ary ny zava-nitranga dia nivoaka ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany marobe hifanandrina aminay. Ary nony efa nivoaka izy ary efa handeha hanafika anay miaraka amin' ny sabatra, dia nasaiko nisintonankany an-tany foana ny oloko, ireo izay niaraka tamiko.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka tao aorianay ny Lamanita tamin' ny hafainganana be, fa niriany izaitsizy tokoa ny hanatratra anay mba hahazoany mamono anay; koa narahiny izahay nankany an-tany foana; ary izahay dia nandalo teo afovoan' i Gida sy i Teômnëra, hany ka tsy nahita azy ireo ny Lamanita.

20 Ary ny zava-nitranga nony efa nandalo ny Lamanita, na nony efa nandalo ny miaramila, dia nitsangana i Gida sy i Teômnëra avy tao amin' ny toerana niafenany sy nisakana ny mpitsikilon' ny Lamanita mba tsy hiverenany any an-tanàna.

21 Ary ny zava-nitranga, nony efa nosakanany izy ireo, dia nihazakazahany tany an-tanàna ary nosovohany ny mpiambina

izay navela hiambina ny tanàna, hany ka naringany izy ireo ary noraisiny ny fizakana ny tanàna.

22 Ankehitriny, izany no vita dia noho ny Lamanita namela ny miaramilany iray manontolo, afa-tsy mpiambina vitsy ihany, ho voatarika hankany an-tany foana.

23 Ary ny zava-nitranga dia tamin' izany fomba izany no efa nahazoan' i Gida sy i Teômnerna ny fizakana ny toeram-pamahanany. Ary ny zava-nitranga rehefa avy nandeha naharitra tany an-tany foana izahay dia nandray ny lalana mankany an-tanin' i Zarahemlà.

24 Ary nony nahita ny Lamanita fa nandeha nankany an-tanin' i Zarahemlà izy, dia natahotra fatratra tokoa izy, fandrao dia nisy tetika voaomana hitarika azy any amin' ny famongorana; noho izany izy dia nanomboka nisintona nankany an-tany foana indray, eny, niverina tamin' ny lalana izay efa nahatonga-vany ihany.

25 Ary indro, alina ny andro, ary natsangany ny lainy, fa ny lohan' ny kapitenin' ny Lamanita dia efa nihevitra fa reraka ny Nefita noho ny diany; ary noho ny fiheverana fa ny miaramilany iray manontolo no efa nenjehiny, dia tsy nanana eritretritra ny momba ny tanànan' i Mantia izy.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga nony alina, dia nataoko izay tsy hatorian' ny oloko fa ny handehanany kosa amin' ny

lalan-kafa, mankany an-tanin' i Mantia.

27 Ary noho izany dianay tamin' ny fotoana alina izany, dia indro, ny ampitso izahay dia efa tany ankoatra ny Lamanita, hany ka tonga talohany tao antanànan' i Mantia izahay.

28 Ary dia toy izany no zava-nitranga, fa tamin' izany tetik' ady izany no nandraisanay ny fizakana ny tanànan' i Mantia tsy nisy fandatsahan-dra.

29 Ary ny zava-nitranga nony tonga teo akaikin' ny tanàna ny miaramilan' ny Lamanita, sy nahita fa izahay dia efa niomana ny hifanandrana aminy, dia talanjona izaitsizy tokoa izy sy nozoin' ny tahotra be, hany ka nandositra nankany an-tany foana.

30 Eny, ary ny zava-nitranga dia nandositra niala izany fari-try ny tany rehetra izany ny miaramilan' ny Lamanita. Nefa indro, efa nentiny niaraka tamin' ny nivoaka ny tany ny vehivavy sy ny ankizy maro.

31 Ary "ireo tanàna ireo izay efa nalain' ny Lamanita, izy rehetra amin' izao vanim-potoana izao dia fanananay; ary ny rainay sy ny vehivavinay ary ny zanakay dia miverina any amin' ny ankaniny, izy rehetra afa-tsy ireo izay nalaina ho babo sy nindaosin' ny Lamanita.

32 Nefa indro, kely ny tafikay hitana tanàna maro loatra sy fananana betsaka loatra.

33 Nefa indro, izahay dia mitoky amin' Andriamanitray izay

efa nanome anay fandresena tany amin' ireo tany ireo, hany ka efa azonay ireo tanàna sy tany ireo izay anay.

34 Ankehitriny dia tsy fantatray ny antony izay tsy anomezan' ny governemanta anay hery betsaka kokoa; tsy mahalala koa ireo lehilahy izay tonga niakatra tatỳ aminay hoe nahoa-na izahay no tsy nandray hery bebe kokoa.

35 Indro, tsy mahalala izahay raha toa ka tsy nahomby ianareo, na raha toa ka efa nosintoninareo ny hery hankamin' izany faritry ny tany izany; raha izany, dia tsy maniry ny himonomonona izahay.

36 Ary raha tsy izany, dia indro, matahotra izahay fa misy "fisaraham-bazana ao amin' ny governemanta, ka tsy andefasany lehilahy betsaka kokoa ho fanampiana anay izahay; satria fantatray fa maro kokoa noho izay efa nalefany izy ireo.

37 Nefa, indro, tsy mampaninona izany — matoky izahay fa Andriamanitra no "hanafaka anay na dia eo aza ny fahalemen' ny miaramilanay, eny, sy hanafaka anay eo an-tanan' ny fahavalonay.

38 Indro, ity no taona fahasivy amby roapolo, tapany farany, ary mizaka ny taninay izahay; ary efa nandositra any an-tanin' i Nefia ny Lamanita.

39 Ary ireo zanakalahin' ny vahoakan' i Amôna, izay efa no-resahiko tamim-pankasitrahana tokoa, dia miaraka amiko ao

an-tanànan' i Mantia; ary efa nanohana azy ireo ny Tompo, eny, sy nitahirany azy ireo tsy ho lavon-tsabatra, hany ka na dia "iray aza dia tsy nisy voavono.

40 Nefa indro, efa nahazo ratra maro izy ireo; kanefa dia iorenany mafy ao amin' izany "fahafahana izay efa nanafahan' Andriamanitra azy ireo izany; ary sarotiny izy ireo amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny isan' andro isan' andro; eny, ezahiny ny hitan-drina lalandava ny fitsipiny sy ny fitsarany ary ny didiny; ary ny finoany dia mahery ao amin' ny faminaniana momba izay ho avy.

41 Ary ankehitriny, ry Môrônia rahalahiko malala, enga anie ny Tompo Andriamanitsika izay efa nanavotra antsika sy nanafaka antsika, hitahirany anao lalandava eo anatrehan' eny, ary enga anie Izy ka hankasitraka ity vahoaka ity mba hananana-reo fahombiazana amin' ny fahazoana ny fizakana ny rehetra izay efa nalain' ny Lamanita tamintsika, izay natao ho fanohanana antsika. Ary ankehitriny indro, faranako ny taratasiko. Izaho dia i Helamàna, zanakalahin' i Almà.

TOKO 59

Nangataka an' i Pahôràna i Môrônia mba hanamafy ny tafik' i Helamàna — Nahafaka ny tanànan' i Nefihà ny Lamanita — Tezitra ta-

36a Almà 61:1–5.

37a 2 Mpan. 17:38–39.

39a Almà 56:56.

40a TSM Fahalalahana.

min' ny governemanta i Môrônia. Tokony ho 62 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga tamin' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, taorian' ny efa nandraisan' i Môrônia sy ny namakiany ny "taratsin' i Helamàna, dia nifaly izaitsizy tokoa izy, noho ny fiadanana, eny, ny fahombiazana fatratra izay efa azon' i Helamàna, tamin' ny fahazoana ireo tany ireo izay efa very.

2 Eny, ary nampahafantariny ny olony rehetra, tamin' ny tany rehetra manodidina, tamin' ity faritra ity izay nisy azy izany mba hahazoan' ireo mifaly koa.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandefa "taratasy avy hatrany tany amin' i ^bPahôràna izy, naniry ny hampamorianty lehilahy miaraka hanatanjaka an' i Helamàna, na ny miaramilan' i Helamàna, hany ka ho azony tanana mora foana izany faritry ny tany izay efa nanambinana azy tamim-pahagagana tokoa ny fahazoana.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandefa izany taratasy izany tany an-tanin' i Zarahemlà i Môrônia, dia rafitra indray izy namolavola drafitra mba hahazoany ny ambiny amin' ireo fananana sy tanàna ireo izay efa nalain' ny Lamanita taminy.

5 Ary ny zava-nitranga, raha mbola teo am-panaovana fiomanana ny handeha hiady amin' ny Lamanita toy izany i Môrônia,

dia indro, ny vahoakan' i Nefihà, izay niara-nivory avy tamin' ny tanànan' i Môrônia sy ny tanànan' i Lehia ary ny tanànan' i Môriantôna, dia notafihan' ny Lamanita.

6 Eny, na dia ireo izay efa voatery nandositra avy tany an-tanin' i Mantia sy avy tamin' ny tany manodidina aza dia efa tonga ary nikambana tamin' ny Lamanita tao amin' ity faritry ny tany ity.

7 Ary satria tsy tambo isaina tokoa toy izany izy ireo, eny, sy nandray hery isan' andro isan' andro, dia nandeha izy ireo nifanandrina tamin' ny mponin' i Nefihà araka ny baikon' i Amôrôna ary nanomboka nandripaka azy tamin' ny fandripahana be izaitsizy tokoa.

8 Ary maro tokoa ny miaramilany ka ny ambiny tamin' ny mponin' i Nefihà dia voatery nandositra teo anoloany; ary tonga izy ireny sy nikambana tamin' ny miaramilan' i Môrônia.

9 Ary ankehitriny noho ny fiheveran' i Môrônia fa tokony hisy lehilahy halefa any antanànan' i Nefihà, hanampy ny mponina hitana izany tanàna izany, ary noho ny fahafantarana fa mora kokoa ny mitana ny tanàna tsy hianjera eo antanànan' ny Lamanita toy izay ny maka izany indray aminy, dia noheveriny fa izy ireo dia hitana mora foana izany tanàna izany.

10 Koa nohazoniny ny tafiny

rehetra mba hitana ireo toerana izay efa azony indray ireo.

11 Ary ankehitriny, nony nahita i Môrônia fa very ny tanànan' i Nefihà dia feno alahe-lo izaitsizy tokoa izy sy nanomboka nanontany tena, noho ny faharatsian' ny mponina, raha toa izy ireo ka tsy hianjera eo an-tanan' ny rahalahiny.

12 Ankehitriny dia izany no toe-javatra ho an' ny lohan' ny kapiteniny rehetra. Niroanahana sy nitalanjona koa izy ireo noho ny faharatsian' ny mponina, ary izany dia noho ny fahombiazan' ny Lamanita taminy.

13 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamin' ny governemanta i Môrônia, noho ny "tsy firaharahiany ny momba ny fahafahan' ny taniny.

TOKO 60

Nitaraina tamin' i Pahôràna ny amin' ny fanaovan' ny governemanta tsirambina ny miaramila i Môrônia — Namela ny marina hohonoina ny Tompo — Tsy maintsy nampiasa ny heriny sy ny fomba rehetra ny Nefita mba hanafaka ny tenany tamin' ny fahavalony — Nandrahona ny hiady amin' ny governemanta i Môrônia raha tsy vatsiana fanampiana ny miaramilany. Tokony ho 62 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nanoratra indray izy ho an' ny governoran' ny tany, izay i Pahôràna, ary izao no teny izay nosoratany, manao hoe: Indro, ny taratasiko

dia avantako amin' i Pahôràna, ao an-tanànan' i Zarahemlà, izay "lohan' ny mpitsara sady governoran' eo amin' ny tany, ary koa amin' ireo rehetra izay efa nofinidin' ity vahoaka ity mba hitondra sy hitantana ny raharahan' ity ady ity.

2 Fa indro, somary nanankolazaina aminy ihany aho ho fanamelohana; satria indro, fantatrareo mihitsy fa efa notendrena ianareo mba hamory miaraka lehilahy ary hampirongo azy ireo sabatra, sy simetera ary rehefa mety ho fitaovampiadiana rehetra isan-karazany avy, sy handefa azy ireo hanohitra ny Lamanita na aiza na aiza faritra hidirany ny tanintsika.

3 Ary ankehitriny, indro, lazainy aminareo fa ny tenako, ary koa ny oloko, ary koa i Helamàna sy ny olony, dia efa niaritra fijaliana be izaitsizy tokoa; eny, dia hanohanana, hetaheta sy harerahana ary rehefa mety ho fahoriana rehetra isan-karazany avy.

4 Nefa indro, raha izay ihany no efa niaretanay, dia tsy ho nimononona izahay na nitaraina.

5 Nefa indro, efa zary lehibe ny fandranganana teo anivon' ny olonay; eny, an' arivony no efa lavo tamin-tsabatra, kanefa mety ho hafa noho izany raha nahatonga hery ampy ho an' ny miaramilanay ianareo sy fanampiana ho azy. Eny, lehibe ny fanaovanareo tsirambina anay.

6 Ary ankehitriny, indro, irianay ho fantatra ny anton' izao

tsirambina lehibe izaitsizy tokoa izao; eny, irinay ho fantatra ny anton' ny tsy firaharahianareo.

7 Azonareo heverina va ny hitoetra eo amin' ny seza fiandriananareo ao amin' ny toetry ny fahadontoana sady midagaga, kanefa aelin' ny fahavalonareo manodidina anareo ny asan' ny fahafatesana? Eny, kanefa vonoiny ny an' arivony amin' ny rahalahinareo —

8 Eny, na dia ireo izay efa nian-drandra anareo ho fiarovana aza, eny, efa nametraka anareo teo amin' ny toerana izay mety ho nahazoanareo namonjy azy, eny, mety ho nahazoanareo nandefa miaramila ho azy, ka efa nampahatanjaka azy sy efa namonjy ny an' arivony taminy tsy ho lavo tamin-tsabatra.

9 Nefa indro, tsy izay ihany — efa nihazona ny vatsinareo ianareo tsy ho azy, hany ka maro no efa niady sy nibabara namoy ny ainy noho ny faniriany fatratra izay nananany ho an' ny fiadanana' ity vahoaka ity; eny ary izany no efa nataony nony efa ho "faty izy noho ny hano-hanana, noho ny tsirambina lehibe izaitsizy tokoa nataonareo taminy.

10 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala — fa ianareo dia tokony holalaina; eny, ary ianareo dia tokony ho efa nampisikiponitra ny tenanareo tamimpahazotoana bebe kokoa ho an' ny fiadanana sy ny fahafahan' ity vahoaka ity; nefa indro, efa nataonareo an-tsirambina izy,

hany ka ny ran' ny an' arivony dia ho tonga eo ambonin' ny lohanareo ho valifaty; eny, fa Andriamanitra dia efa nahalala ny fitalahony rehetra sy ny fijaliany rehetra —

11 Indro, azonareo heverina va fa ianareo dia ho afaka mipetraka eo amin' ny seza fiandriananareo, ary noho ny hatsaram-pon' Andriamanitra fatratra, dia ho afaka tsy manao na inona na inona ary dia hanafaka anareo Izy? Indro, raha nihevitra izany ianareo, dia efa nihevitra zava-poana.

12 Moa "heverinareo va fa satria maro loatra tamin' ny rahalahinareo no efa novonoina, izany dia noho ny faharatsiany? Lazaiko aminareo, fa raha nihevitra izany ianareo dia efa nihevitra zava-poana; satria lazaiko aminareo, misy maro no efa lavo tamin-tsabatra; ary indro izany dia ho fanamelohana anareo;

13 Fa avelan' ny Tompo ny hamonoina ny "olo-marina mba hahatonga ny fahamarinany sy ny famaliany amin' ny olondratsy; koa tsy tokony hoheverinareo fa very ny olo-marina, satria voavono izy; fa indro, izy dia miditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

14 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminareo, manahy izaitsizy tokoa aho fandrao ho tonga amin' ity vahoaka ity ny famaizan' Andriamanitra, noho ny fahalainany fatratra, eny, dia ny fahalainan' ny gouverne-

mantantsika ary ny tsirambina lehibe izaitsizy tokoa nataony tamin' ny rahalahiny, eny, tamin' ireo izay efa voavono.

15 Fa raha tsy teo ny "faharatsiana izay niantomboka voalohany tany amin' ny filohantsika, dia ho afaka nanohitra ny fahavalontsika isika, hany ka tsy ho afaka nanam-pahefana tamin-tsika izy.

16 Eny, raha tsy nisy ny "ady izay nipoaka teo anivontsika; eny, raha tsy teo ireo ^bmpomba ny mpanjaka ireo, izay nahatonga fandatsahan-dra be tokoa teo anivontsika; eny, tamin' ny fotoana nifandirantsika teo anivontsika, raha natambatsika ny herintsika toy ny efa nataontsika hatrizao; eny, raha tsy teo ny faniriana hery sy fahefana izay nananan' ireo mpomba ny mpanjaka ireo tamintsika; raha nahatoky tamin' ny foto-kevitra ny fahafahantsika izy ireo sy nikambana tamintsika ary lasana nanohitra ny fahavalontsika, toy izay nandray ny sabany nanohitra antsika, izay anton' ny fandatsahan-dra be tokoa teo anivontsika; eny, raha nandeha nanohitra azy tamin' ny herin' ny Tompo isika, dia ho efa nampihahaka ny fahavalontsika, fa izany dia ho efa to araka ny fahatanterahan' ny teniny.

17 Nefa indro, ankehitriny dia tonga amintsika ny Lamanita mandray ny fizakana ny tanintsika sy mamono ny vahoakantsika amin-tsabatra, eny, ny vehivavintsika sy ny zanatsika,

ary koa mitondra azy ireny ho babo, manao izay hiaretany ny karazam-pahoriana rehetra, ary izany dia noho ny faharatsiana lehiben' ireo izay mikatsaka hery sy fahefana, eny, dia ireo mpomba ny mpanjaka ireo.

18 Nefa nahoana moa aho no tokony hilaza betsaka momba ity raharaha ity? Satria tsy fantatray raha toa ka tsy ny tenanareo mihitsy no mikatsaka fahefana. Tsy fantatray raha toa ka tsy mpamadika koa ho an' ny taninareo ianareo.

19 Sa efa nanao tsirambina anay ianareo, noho ianareo eo afovoan' ny tanintsika, ary hoddinin' ny filaminana, ka dia tsy nataonareo ny handefasana hanina tany aminay, ary koa lehilahy mba hanatanjaka ny miaramilanay?

20 Efa nohadinoanareo va ny didin' ny Tompo Andriamanitrareo? Eny, efa nohadinoanareo va ny fahababoan' ny razantsika? Efa nohadinoanareo va ny fotoana maro efa nanafahana antsika teo an-tanan' ny fahavalontsika?

21 Sa mihevitra ianareo fa ny Tompo dia mbola hanafaka antsika, kanefa isika dia mipetraka eo amin' ny seza fiandrianantsika sy tsy mampiasa ny fitaovana izay efa natolotry ny Tompo antsika?

22 Eny, hipetraka ao amin' ny fidonanaham-poana ve ianareo kanefa ianareo dia hoddinin' ny an' arivony amin' ireo, eny, sy an' aliny izay mipetraka koa

ao amin' ny fidonanam-poa-na, kanefa misy an' arivony eo amin' ny manodidina any amin' ny faritry ny sisin-tany, izay lavon-tsabatra, eny, maratra sy mibabara?

23 Moa heverinareo fa Andriamanitra dia hihevitra anareo ho tsisy tsiny kanefa ianareo dia mipetra-potsiny sy mitazana ireo zavatra ireo? Indro, lazaiko aminareo, Tsia. Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo fa Andriamanitra no efa nilaza fa hodiovinina aloha ny "atin' ny vazy, ary avy eo dia hodiovinina koa ny vohon' ny vazy.

24 Ary ankehitriny, raha tsy mibebaka amin' izay efa nataonareo ianareo, ka manomboka mitsangana sy manatanteraka ary mandefa hanina sy olona aty aminay, ary koa any amin' i Helamàna mba hahazoany manohana ireo faritry ny tanintsika ireo, izay efa azony indray, sy mba hahazoanay maka indray ny ambiny amin' ny fananantsika amin' ireo faritra ireo, dia indro, hanjary hilaina ny tsy hiadiantsika intsony amin' ny Lamanita mandra-panadiovan-tsika ny atin' ny vazy aloha, eny, dia ny filoha ben' ny governemantantsika.

25 Ary raha tsy mamaly ny taratasiko ianareo sy mivoaka ary maneho amiko ny tena "fanahin' ny fahafahana ary miezaka ny hanatanjaka sy hanamafy ny miaramilantsika ary manome azy hanina ho fanohanana azy, dia indro have-

lako ny ampahany amin' ny oloko afaka hitana ity faritry ny tanintsika ity, ary havelako aminy ny hery sy ny fitahian' Andriamanitra mba tsy hisy fahefana hafa ho afaka miasa hanohitra azy —

26 Ary izany dia noho ny finoany fatratra sy ny faharetany ao amin' ny fahoriany —

27 Ary ho avy any aminareo aho, ary raha mety hisy any anivonareo izay manana faniriana ho an' ny fahafahana, eny, raha misy na dia pitik' afompahafahana tafajanona aza, dia indro, hanangana fikomiana any anivonareo aho, mandrapahatongan' ireo izay manana faniriana ny hisandoka hery sy fahefana ho fongana.

28 Eny, indro, tsy atahorako ny herinareo na ny fahefanareo, fa ny "Andriamanitra kosa no atahorako; ary noho ny didiny no andraisako ny sabatro mba hiaro ny foto-kevitra ny taniko, ary noho ny helokareo no efa niaretanay famoizana betsaka tokoa.

29 Indro izao no fotoana, eny, antomotra ny fotoana ankehitriny, ka raha tsy misikim-ponitra ny tenanareo amin' ny fiarovana ny taninareo sy ny madinikareo, ny "sabatra ny fahamarinana dia mihantona eo amboninareo; eny, ary hianjera aminareo izany sy hamangy anareo, na dia hatrany amin' ny famongorana tanteraka anareo aza.

30 Indro, miandry fanampiana avy aminareo aho; ary raha tsy

ezahanareo ny hanamaivana anay, dia indro ho tonga atỳ aminareo aho, dia atỳ an-tanin' i Zarahemlà sy hamely anareo amin' ny sabatra, hany ka tsy afaka hanan-kery intsony ianareo hanampontsampona ny fandrosoan' ity vahoaka ity ho amin' ny foto-kevitra ny fahafahantsika.

31 Satria indro, ny Tompo dia tsy hamela ny hiainanareo sy ny hahatonga anareo ho mahery ao amin' ny helokareo mba hamongotra ny olony marina.

32 Indro, azonareo heverina fa hitsimbina anareo ny Tompo ary ho avy ao amin' ny famaliana hanameloka ny Lamanita, kanefa ny fomban-drazany no efa nahatonga ny fankahalany, eny, ary izany dia efa nampitomboan' ireo izay efa niendaka tamintsika, kanefa kosa ny helokareo dia vokatra ny fitiavanareo voninahitra sy ny zava-poanan' izao tontolo izao?

33 Fantatrarao fa ianareo dia mandika ny lalàn' Andriamanitra, ary fantatrarao fa ianareo dia manitsakitsaka izany ambanin' ny tongotrarao. Indro, hoy ny Tompo tamiko: Raha tsy mibebaka amin' ny fahotany sy ny helony ireo izay efa notendrenareo ho governoranareo, dia handeha hiakatra hiady aminy ianao.

34 Ary ankehitriny indro, izaho Môrônia dia voatery, araka ny fanekehivahanana izay efa nataoko, ny hitana ny didin' Andriamanitra; koa mba tiako

ny hiraiketanareo amin' ny tenin' Andriamanitra sy handefasanareo faingana tokoa atỳ amiko amin' ny vatsinareo sy ny olonareo, ary koa any amin' i Helamàna.

35 Ary indro, raha tsy manao izany ianareo, dia ho avy aminareo faingana tokoa aho; fa indro, tsy hamela ny hahafaty anay amin' ny hanoanana Andriamanitra; noho izany Izy dia hanoame anay amin' ny haninareo, na dia tsy maintsy ho amin' ny sabatra aza izany. Ankehitriny dia ezaho ny hanatanterahinareo ny tenin' Andriamanitra.

36 Indro, izaho dia i Môrônia, lohan' ny kapiteninareo. Tsy "mikatsaka fahefana aho, fa ny handrodana izany kosa. Tsy mikatsaka ny voninahitr' izao tontolo izao aho, fa ny voninahitr' Andriamanitra kosa sy ny fahafahana ary ny fiadanan' ny taniko. Ary dia toy izany no amaranako ny taratasiko.

TOKO 61

Nolazain' i Pahôràna an' i Môrônia ny amin' ny fikomiana sy ny fiokona tamin' ny governemanta — Nalain' ny mpomba ny mpanjaka i Zarahemlà ary niandany tamin' ny Lamanita izy — Nangataka ny fanampian' ny miaramila i Pahôràna hanoherana ny mpikomy. Tokony ho 62 talohan' i j.k.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga taoriana kelin' ny nandefasan' i Môrônia ny taratasiny

ho an' ny lohan' ny governora, dia nandray taratasy avy tamin' i "Pahôràna lohan' ny governora izy. Ary izao no teny izay noraisiny:

2 Izaho, Pahôràna, izay lohan' ny governora amin' ny tany dia mandefa izao teny izao amin' i Môrônia, lohan' ny kapiteny amin' ny miaramila. Indro, lazaiko aminao, ry Môrônia, fa tsy mifaly amin' ny "fahorianao lehibe aho, eny, mampalahelo ny fanahiko izany.

3 Nefa indro, misy ireo izay mifaly amin' ny fahorianao, eny, hany ka izy ireo dia efa nanangana fikomiana tamiko, ary koa tamin' ireo oloko izay "olon' ny fahafahana, eny, ary ireo izay efa nitsangana dia maro izaitsizy tokoa.

4 Ary ireo izay efa nikatsaka ny haka amiko ny toeram-pitsarana no anton' izao heloka lehibe izao; fa efa nampiasainy ny fanasohasoana be, ary efa notarihiny haniaisia ny fon' ny olona maro, izay hahatonga ny fahorianana mangidy eo anivontsika; efa nohazoniny ny vatsintsika sy efa nampitahoriny ny olon' ny fahafahana teo amintsika, ka dia tsy tonga taty aminao izy ireny.

5 Ary indro, efa noroahany aho hiala teo anoloany, ary efa nandositra tany an-tanin' i Gideôna aho, niaraka tamin' ny olona maro araka izay tratra sy azoko.

6 Ary indro, efa nandefa fila-

zana eran' ity faritry ny tany ity aho; ary indro, mirohotra atỳ aminay isan' andro izy ireo, maka ny fiadiany ho fiarovana ny taniny sy ny "fahafahany, ary mba hamaly faty ny hadisoana natao taminay.

7 Ary efa tonga tatỳ aminay izy ireo, hany ka ireo izay efa nitsangana hikomy taminay dia voahaika, eny, hany ka atahorany izahay ary tsy sahiny ny mivoaka hifanandrina aminay amin' ny ady.

8 Efa noraisiny ny fizakana ny tany, na ny tanànan' i Zarahemlà; efa nanendry ny mpanjaka teo aminy izy ireo, ary izy kosa dia nanoratra ho an' ny mpanjakan' ny Lamanita ka tamin' izany no efa niraisany dina taminy; tamin' izany dina izany no efa naneken' ny hitana ny tanànan' i Zarahemlà, dia fitanana izay heveriny fa hahafahan' ny Lamanita mahazo ny tany sisa tavela sy hametrachana azy ho mpanjaka eo amin' ity vahoaka ity rehefa hofeheziny ny Lamanita izy ireo.

9 Ary ankehitriny dia efa naniny ahy ianao tao amin' ny taratasinao, nefa tsy maninona izany; tsy tezitra aho, fa mifaly kosa amin' ny fahalehibeazan' ny fonao. Izaho Pahôràna dia tsy mikatsaka fahefana, afa-tsy ny hitana ny toeram-pitsarako mba hahazoako mitsimbina ny zo sy ny fahafahan' ny vahoakako. Ny fanahiko dia miorina mafy ao amin' izany fahafahana

izay efa “nanafahan’ Andriamanitra antsika izany.

10 Ary ankehitriny, indro, hotoherintsika ny faharatsiana na dia hatrany amin’ ny fandatsahan-dra aza. Tsy handatsaka ny ran’ ny Lamanita isika raha mijanona any amin’ ny taniny ihany izy.

11 Tsy ho nandatsaka ny ran’ ny rahalahintsika isika raha tsy nitsangana hikomy izy sy tsy nandray sabatra hanohitra antsika.

12 Ho nampanoa ny tenantsika tamin’ ny ziogan’ ny fanandevozana isika raha toa ka nitaky izany ny fahamarinan’ Andriamanitra, na raha nandidy antsika hanao izany Izy.

13 Nefa indro tsy mandidy antsika ny hanoavan’ ny tenantsika ny fahavalontsika Izy, fa ny hametrahantsika kosa ny “fitokiantsika Aminy, ary hanafaka antsika Izy.

14 Noho izany ry Môrônia, rahalahiko malala, dia aoka hotoherintsika ny ratsy, ary na inona na inona ratsy izay tsy azontsika toherina amin’ ny tenintsika, eny, toy ny fikomiana sy ny fisaraham-bazana, dia aoka “hotoherintsika amin’ ny sabatra ireny mba hahazoantsika mitana ny fahafahantsika, mba hahazoantsika mifaly ao amin’ ny foto-kevitra lehiben’ ny fiangonantsika sy ao amin’ ny fitsipiky ny Mpanavotra antsika sy ny Andriamanitsika.

15 Noho izany, dia tongava

atỳ amiko faingana tokoa, mioraka amin’ ny olonao vitsivitsy, ary avelao ny sisa ho andraikitr’ i Lehia sy i Teankoma; omeo azy ireo ny fahefana hitondra ny ady amin’ izany faritry ny tany izany, araka ny “Fanahin’ Andriamanitra, dia ny Fanahin’ ny fahafahana koa izay ao aminy.

16 Indro efa nandefa vatsy vitsivitsy tany aminy aho mba tsy hahafaty azy ireo mandrapahatonganao atỳ amiko.

17 Vorio miaraka na inona na inona hery azonareo mandritra ny dianareo mankatỳ, ary handeha faingana tokoa isika hanohitra ireo mpiendaka ireo amin’ ny herin’ ny Andriamanitsika, araka ny finoana izay ao amintsika.

18 Ary horaisintsika ny fiza-kana ny tanànan’ i Zarahemlà mba hahazoantsika manana hanina bebe kokoa halefa any amin’ i Lehia sy i Teankoma; eny, handeha isika hanohitra azy ireo ao amin’ ny herin’ ny Tompo, ary hasiantsika farany izao heloka lehibe izao.

19 Ary ankehitriny ry Môrônia, izaho dia mifaly amin’ ny nandraisako ny taratasinao, fa somary sahirana ihany aho momba izay tokony hataonay, na raha toa ka rariny aminay ny mandeha manohitra ny rahalahintsika.

20 Nefa efa nolazainao fa, raha tsy mibebaka izy ireo, dia efa nandidy anao ny Tompo ny handehananao hanohitra azy ireo.

21 Ataovy izay “hanatanjahana an’ i Lehia sy i Teankoma ao amin’ ny Tompo; ilazao izy ireo tsy hatahotra, fa Andriamanitra no hanafaka azy ireo, eny, ary koa ireo rehetra izay miorina mafy ao amin’ izany fahafahana izay efa nanafahan’ Andriamanitra azy ireo izany. Ary ankehitriny dia faranako ny tarata-siko ho an’ i Môrônia rahalahiko malala.

TOKO 62

Nandeha tany an-tanin’ i Gideôna i Môrônia mba hanampy an’ i Pahôrâna—Novonoina ho faty ny mpomba ny mpanjaka izay nandà ny hiaro ny taniny—Nahazo indray an’ i Nefihà i Pahôrâna sy i Môrônia—Nikambana tamin’ ny vahoakan’ i Amôna ny Lamanita maro—Namono an’ i Amôrôna i Teankoma ary novonoina izy avy eo—Natosika hiala ny tany ny Lamanita, ary naorina ny fandriampahalemana—Niverina tamin’ ny asa fanompoana i Helamàna ary nanorina fiangonana. Tokony ho 62–57 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandray izany taratasy izany i Môrônia dia nahazo hery ny fony sy heniky ny fifaliana izaitsizy tokoa noho ny fahatokian’ i Pahôrâna, fa izy koa dia tsy “mpamadika ny fahafahana sy ny foto-kevitra ny taniny.

2 Nefa nalahelo fatratra tokoa

izy noho ny helok’ ireo izay efa nandroaka an’ i Pahôrâna hiala ny toeram-pitsarana, eny, raha fintinina, noho ireo izay efa nikomy tamin’ ny taniny ary koa tamin’ Andriamaniny.

3 Ary ny zava-nitranga dia naka olona vitsivitsy i Môrônia, araka ny fanirian’ i Pahôrâna, sy nanome an’ i Lehia sy i Teankoma ny fibaikoana ny miaramilany sisa ary nandeha nankany an-tanin’ i Gideôna.

4 Ary natsangany ny “fanevan’ ny ^bfahafahana na taiza na taiza toerana nidirany ary azony ny hery rehetra tratrany nandritra ny diany rehetra nankany an-tanin’ i Gideôna.

5 Ary ny zava-nitranga dia an’ arivony no nirohotra teo ambanin’ ny fanevany, sy naka ny sabany ho fiarovana ny fahafahany mba tsy hahatonga azy ireo any amin’ ny fanandevozana.

6 Ary dia toy izany, rehefa naha-tafavory niaraka ny olona rehetra azony nandritra ny diany rehetra i Môrônia, no nahatongavany tao an-tanin’ i Gideôna; ary natambatra ny heriny sy ireo an’ i Pahôrâna, ka nanjary natanjaka izaitsizy tokoa ireo, natanjaka kokoa noho ny olon’ i Pako aza, izay “mpanjakan’ ireo mpiendaka ireo izay efa nandroaka ny ^bolon’ ny fahafahana hiala ny tanin’ i Zarahemlà sy efa nandray ny fizakana ny tany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina i Môrônia sy i

21a Zak. 10:12.

62 1a Almà 60:18.

4a Almà 46:12–13, 36.

TSM Faneva.

^b TSM Fahalahana.

6a Almà 61:4–8.

^b Almà 51:5–7.

Pahôràna niaraka tamin' ny miaramilany nankany an-tanin' i Zarahemlà sy nandeha nano-hitra ny tanàna ary nifanehatra tamin' ny olon' i Pako, hany ka tonga mba hiady izy ireo.

8 Ary indro, voavono i Pako, ary nalaina ho babo ny olona, ary naverina teo amin' ny toeram-pitsarany i Pahôràna.

9 Ary nandray ny fitsarana azy ireo ny olon' i Pako, araka ny lalàna, ary koa ireo mpomba ny mpanjaka ireo izay efa nalaina sy natao am-ponja; ary "novonoina araka ny lalàna izy ireo; eny, ireo olon' i Pako ireo sy ireo mpomba ny mpanjaka ireo, na zovy na zovy no tsy te handray fiadiana ho fiarovana ny taniny, fa te hiady kosa hanohitra izany, dia novonoina ho faty.

10 Ary dia toy izany no nilana ny tokony hanarahana tamimpihenjanana tokoa izany lalàna izany ho filaminan' ny taniny; eny, ary na zovy na zovy no hita ho nandà ny fahafahany dia najedana faingana tokoa araka ny lalàna.

11 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; rehefa namerina indray ny fandriampahalemana teo amin' ny tanin' i Zarahemlà, tany anivon' ny olony ihany i Môrônia sy i Pahôràna, rehefa nampitondra fahafatesana tamin' ireo rehetra izay tsy nahatoky tamin' ny foto-kevitra ny fahafahana.

12 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahiraika amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nataon' i Môrônia avy hatrany izay handefasana vatsy, ary koa ny handefasana miaramila enina arivo lahy tany amin' i Helamàna mba hanampy azy amin' ny fitanana izany faritry ny tany izany.

13 Ary nataony koa izay handefasana miaramila enina arivo lahy, niaraka tamin' ny habetsahan-tsakafo ampy, any amin' ny miaramilan' i Lehia sy i Teankoma. Ary ny zava-nitranga dia natao izany mba hanamafy ny tany hanoherana ny Lamanita.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namela vondron' olona sesehena tao an-tanin' i Zarahemlà i Môrônia sy i Pahôràna, dia nandeha niaraka tamin' ny vondron' olona sesehena nankany an-tanin' i Nefihà, rehefa tapa-kevitra ny handresy ny Lamanita tao amin' izany tanàna izany.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa nandeha nankany amin' ilay tany izy ireo dia nisambotra vondron' olona sesehena tamin' ny Lamanita sy nandripaka ny maro taminy ary naka ny vatsiny sy ny fitaovam-piadiany.

16 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nakany azy ireo, dia nataony izay hanaovan' izy ireo dina fa izy ireo dia tsy handray fitaovam-piadiana intsony hanohitra ny Nefita.

17 Ary nony efa nanao izany dina izany izy ireo, dia nalefany hiara-honina amin' ny vahoakan' i Amôna, ary niisa sahabo ho efatra arivo ireo izay tsy voavono.

18 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nandefasany azy ireo dia notohizany ny diany nankany an-tanin' i Nefihà. Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga tao an-tanànan' i Nefihà izy ireo dia, natsangany ny lainy teo amin' ny lemak' i Nefihà, izay akaikin' ny tanànan' i Nefihà.

19 Ankehitriny dia nirian' i Môrônia ny hivoahan' ny Lamanita hiady aminy eo amin' ny lemaka; nefa nahafantatra ny herimpony lehibe fatratra tokoa sy nahita ny halehiben' ny isany ny Lamanita, koa tsy sahiny ny nivoaka hifanandrina taminy; koa tsy nivoaka androtriny izy mba hiady.

20 Ary nony tonga ny alina, dia nandeha tao amin' ny haizina' ny alina i Môrônia sy niakatra teo an-tampon' ny manda hitsikilo izay faritra amin' ny tanàna nitobian' ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany.

21 Ary ny zava-nitranga dia tao atsinanana izy, akaikin' ny fidirana; ary resin-tory avokoa izy. Ary ankehitriny dia niverina tany amin' ny miaramilany i Môrônia sy nanao izay hanomanany faingana tady mahazaka sy tohatra mba halatsaka hidina avy eny an-tampon' ny manda ka manaraka ny aty rindrina.

22 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Môrônia nandroso ny

olony sy nianika teo an-tampon' ny manda ary nidina tao amin' izany faritry ny tanàna izany, eny, dia tao andrefana izany, izay tsy nitobian' ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany.

23 Ary ny zava-nitranga dia tafidina tao an-tanàna avokoa izy tamin' ny alina, tamin' ny alalan' ny tady mahazakany sy ny tohany; ary dia toy izany no nahatonga azy rehetra tatỳ anatin' ny mandan' ny tanàna nony tonga ny maraina.

24 Ary ankehitriny, rehefa ni-foha ny Lamanita sy nahita fa ny miaramilan' i Môrônia dia efa tatỳ anatin' ny manda, dia nihorohoro izaitsizy tokoa izy, hany ka nandositra nivoaka ny vavahady.

25 Ary ankehitriny nony nahita i Môrônia fa nandositra teo anoloany izy, dia nasainy nandeha ny olony hanafika azy, sy nandripaka maro ary nanemitra manodidina ny maro hafa sy naka azy ho babo; ary ny sisa taminy dia nandositra nankany an-tanin' i Môrônia, izay tao amin' ny faritry ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

26 Dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia sy i Pahôràna ny fizakana ny tanànan' i Nefihà tsy nisy aina nafoy; ary nisy maro tamin' ny Lamanita no voavono.

27 Ankehitriny ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita izay babo no naniry ny hikambana amin' ny "vahoakan' i Amôna sy ho tonga vahoaka afaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia izay rehetra naniry izany dia notovina taminy araka ny faniriany.

29 Noho izany, ny babo Lamanita rehetra dia nikambana tamin' ny vahoakan' i Amôna sy nanomboka nilofo izaitsizy tokoa, niasa ny tany, nikolo ny karazam-boa rehetra sy biby fiompy isan-karazany; ary dia toy izany no nanamaivanana ny Nefita tamin' ny enta-mavesatra lehibe; eny, hany ka nohamai-vanina tamin' ny babo Lamanita rehetra izy.

30 Ankehitriny, ny zava-nitranga, dia i Môrônia, taorian' ny efa nahazoany ny fizakana ny tanànan' i Nefihà, rehefa naka babo maro izay nampihena ny miaramilan' ny Lamanita izaitsizy tokoa sy rehefa namonjy ny maro tamin' ny Nefita izay efa nalaina ho babo, izay efa nanatanjaka ny miaramilan' i Môrônia izaitsizy tokoa; koa nandeha i Môrônia avy tany an-tanin' i Nefihà nankany an-tanin' i Lehia.

31 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny Lamanita fa tamy hifanandrana aminy i Môrônia, dia natahotra indray izy sy nandositra teo anoloan' ny miaramilan' i Môrônia.

32 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy isan-tanàna i Môrônia sy ny miaramilany, mandra-pifanenany tamin' i Lehia sy i Teankoma; ary nandositra niala an' i Lehia sy i Teankoma ny Lamanita, nidina

tany amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina, mandra-pahatongany tany an-tanin' i Môrônia.

33 Ary tafavory niaraka avokoa ny miaramilan' ny Lamanita, hany ka dia tao amin' ny vondrona iray izy rehetra tao an-tanin' i Môrônia. Ankehitriny, i Amôrôna, mpanjakan' ny Lamanita dia niaraka taminy koa.

34 Ary ny zava-nitranga, dia nilasy manodidina niaraka tamin' ny miaramilany tao amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Môrônia i Môrônia sy i Lehia ary i Teankoma, hany ka ny Lamanita dia voatemitra manodidina tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana tao atsimon' sy tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana tao atsinanana.

35 Ary dia toy izany no nilasiany nony alina. Fa indro, ny Nefita ary koa ny Lamanita dia reraka noho ny halaviran' ny dia; noho izany dia tsy notapahiny izay mety ho tetik' ady nandritra ny fotoana alina, afa-tsy i Teankoma; satria tezitra izaitsizy tokoa tamin' i Amôrôna izy, hany ka nihevitra izy fa i Amôrôna sy i Amalikià rahalahiny, no efa "anton' izao ady lehibe sy maharitra izao teo aminy sy ny Lamanita, izay efa anton' ny ady sy fandatsahandra be tokoa, eny, sy mosary be tokoa.

36 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tao amin' ny fahatez-rany i Teankoma nankany amin'

ny tobin' ny Lamanita, ary dia naidiny tany ankoatra ny mandan' ny tanàna ny tenany. Ary nandeha niaraka tamin' ny tady izy, noteteziny toerana, hany ka hitany ny mpanjaka; ary "notorahany lefona izy, izay nana-
trabaka azy teo akaikin' ny fo. Nefa indro, ny mpanjaka dia nanaitra ny mpanompony talohan' ny nahafatesany, hany ka nanenjika an' i Teankoma ireo sy namono azy.

37 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony nahafantatra i Lehia sy i Môrônia fa maty i Teankoma, dia feno alahelo fatratra tokoa izy ireo; fa indro, izy dia lehilahy izay efa niady tamin-kerim-po tokoa ho an' ny taniny, eny, tena sakaizan' ny fahafahana; ary efa niaretany ny fijaliana tena maro sy mangidy izaitsizy tokoa. Nefa indro, maty izy, ary efa nandeha tamin' ny lalana falehan' ny tany rehetra.

38 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha i Môrônia ny ampitso, ary nanafika ny Lamanita, hany ka naripany tamin' ny fandripahana lehibe izy; ary natosiny izy hiala ny tany; ary nandositra izy, ka tsy niverina nanohitra ny Nefita tamin' izay fotoana izay.

39 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary dia toy izany no efa nananany ady sy fandatsahan-dra ary mosary sy fijaliana, nandritra ny taona maro.

40 Ary efa nisy vonoan' olona sy fifandirana ary fisarahambazana sy ny karazana heloka rehetra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; kanefa noho ny "marina, eny, noho ny fivavaky ny marina, dia notsimbinina izy.

41 Nefa indro, noho ny faharetan' ny ady izaitsizy tokoa teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, dia maro no efa nanjary nihamafy fo, noho ny faharetan' ny ady izaitsizy tokoa; ary maro no efa nihanalefaka noho ny "fahoriany, hany ka nanetry ny tenany teo anoloan' Andriamanitra izy, tao amin' ny halalin' ny fanetren-tena mihitsy.

42 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny efa nanamafisan' i Môrônia ireo faritry ny tany ireo, izay nihanjahanja indrindra tamin' ny Lamanita, mandra-pahatonga azy ireo ho mafy tokoa, dia niverina tany antanànan' i Zarahemlà izy; ary i Helamàna koa dia niverina tany amin' ny tany lovany; ary nisy indray fandriampahalemana niorina teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

43 Ary natolotr' i Môrônia ho eo an-tanan' ny zanany lahy ny fibaikoana ny miaramilany, izay i Môrônihà no anarany; ary niala sasatra tao an-tranony ihany izy mba hahazoany mandany ny androny sisa amim-piadanana.

44 Ary i Pahôràna dia niverina teo amin' ny toeram-pitsarany; ary i Helamàna dia niadidy indray ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra tamin' ny vaho-

ka; fa noho ny ady sy ny fifandirana maro tokoa dia efa nanjary nilaina ny tokony hanaovana indray fitsipi-pitondrana tao amin' ny fiangonana.

45 Koa nandeha i Helamàna sy ny rahalahiny, ary nanambara ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahefana lehibe ho "fandresen-dahatra ny olona maro ny amin' ny faharatsiany, izay nahatonga azy hibebaka amin' ny fahotany sy hatao batisa ho an' ny Tompo Andriamaniny.

46 Ary ny zava-nitranga dia naoriny indray ny fiangonan' Andriamanitra, nanerana ny tany manontolo.

47 Eny, ary natao ny fitsipi-pitondrana momba ny lalàna. Ary ny "mpitsarany sy ny lohan' ny mpitsarany dia nofidina.

48 Ary nanomboka "niroboro-bo teo amin' ny tany indray ny vahoakan' i Nefia sy nanomboka nitombo ary nihanahery izaisizy tokoa indray teo amin' ny tany. Ary nanomboka nitombo harena fatratra tokoa izy.

49 Nefa na dia teo aza ny hareny, na ny tanjany, na ny firoboro-boany, dia tsy tafasondrotra tao amin' ny avonavon' ny fony izy; tsy nitaredretra koa izy tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny; fa izy kosa dia nanetry tena izaisizy tokoa teo anoloany.

50 Eny, nahatsiaro ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho azy izy, fa efa nanafaka azy tamin' ny fahafatesana Izy sy tamin' ny fatotra ary

tamin' ny fonja sy tamin' ny fahoriana isan-karazany rehetra, ary efa nanafaka azy tamin' ny tanan' ny fahavalony.

51 Ary nivavaka tamin' ny Tompo Andriamaniny lalanda-va izy, hany ka ny Tompo dia nitahy azy, araka ny teniny ka dia nihanahery izy sy niroboro-bo teo amin' ny tany.

52 Ary ny zava-nitranga dia tontosa ireo zavatra rehetra ireo. Ary nodimandry i Helamàna tamin' ny taona fahadimy amby telopolon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 63

Nandray ny fitanana ny rakitso-ratra masina i Siblôna ary tato aorindriana i Helamàna—Nandeha nankany amin' ny tany andafiavatra ny Nefita maro—Nanamboatra sambo i Hagôta, izay niainga nankany amin' ny ranomasina andrefana—Nandresy ny Lamanita tamin' ny ady i Môrônihà. Tokony ho 56–52 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahenina amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia noraisin' i "Siblôna ny fitanana ireo ^bzavatra masina izay efa nato-lotr' i Almà an' i Helamàna.

2 Ary lehilahy marina izy sy nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan' Andriamanitra; ary niezaka izy ny hanao ny tsara

45a F&F 18:44.
47a Môsià 29:39.

48a Almà 50:20.
63 1a Almà 38:1–2.

b Almà 37:1–12.
TSM Masina.

lalandava, ny hitandrina ny didin' ny Tompo Andriamaniny; ary ny rahalahiny koa dia nanao toy izany.

3 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Môrônia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

4 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy vondron' olona sesehe-na, niisa hatrany amin' ny efa-jato sy dimy arivo lahy, niaraka tamin' ny vady aman-janany, nandeha niala ny tanin' i Zarahemlà nankamin' ny tany izay tao "andafiavaratra.

5 Ary ny zava-nitranga dia olona liam-pahalalana fatratra tokoa ity Hagôta ity, koa nandeha izy sy nanamboatra sambo iray makadi-ry fatratra tokoa, tao amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Soafeno, akaikin' ny tanin' i Faharavana sy nampidina izany tao amin' ny ranomasina andrefana, akaikin' ny "vozon-tany ety izay nitondra manka-min' ny tany andafiavaratra.

6 Ary indro, nisy maro tamin' ny Nefita no niditra tao sy niantsambo niaraka tamin' ny vatsy betsaka, ary koa vehivavy sy ankizy maro; ary nizotra nianavaratra izy ireo. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito amby telopolo.

7 Ary tamin' ny taona fahavalo amby telopolo, ity lehilahy ity dia nanamboatra sambo hafa.

Ary ny sambo voalohany koa dia niverina, ary olona maro kokoa no niditra tao amin' izany; ary naka vatsy betsaka koa izy ireo sy nanainga indray nankamin' ny tany andafiavaratra.

8 Ary ny zava-nitranga dia tsy re na oviana na oviana intsony ny momba azy ireo. Ary mihevitra izahay fa safotra tao amin' ny halalin' ny ranomasina izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia sambo iray hafa koa no nanain-ga; ary izay nalehany dia tsy fantatray.

9 Ary ny zava-nitranga tamin' io taona io dia nisy maro ny olona izay niainga nankamin' ny tany "andafiavaratra. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby telopolo.

10 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nodimandry koa i Siblôna, ary i Kôriantôna dia efa nandeha sambo nankamin' ny tany andafiavaratra mba hitondra vatsy ho an' ny vahoaka izay efa nankamin' izany tany izany.

11 Koa nilain' i Siblôna ny hanolotra ireo zavatra masina ireo, alohan' ny hahafatesany, amin' ny zanakalahin' i "Helamàna, izay nantsoina hoe Helamàna, izay nantsoina araka ny anaran-drainy.

12 Ankehitriny indro, ireo soratra "voasokitra rehetra ireo izay notanan' i Helamàna dia

4a Almà 22:31.

5a Almà 22:32;
Etera 10:20.

9a Hel. 3:11-12.

11a Jereo ny teny mialoha
ny bokin' i Helamana.

12a Almà 18:36.

nosoratana sy nalefa tany anivon' ny zanak' olombelona eran' ny tany manontolo, afa-tsy ireo ampahany izay efa nodidian' i Almà ^btsy halefa.

13 Kanefa ireo zavatra ireo dia tsy maintsy notanana ho masina sy ^ahatolotry ny taranaka iray ho an' ny iray hafa; noho izany, tamin' io taona io, dia efa natolotra an' i Helamàna ireo, talohan' ny fahafatesan' i Siblôna.

14 Ary ny zava-nitranga koa tamin' io taona io dia nisy mpiendaka maro izay efa nandeha nankany amin' ny Lamanita; ary nambosina indray izy ho tezitra amin' ny Nefita.

15 Ary tamin' io taona io ihany koa dia nidina izy niaraka tamin' ny miaramila sesehena mba hiady amin' ny vahoakan' i “Môrônihà, na amin' ny miaramilan' i Môrônihà, tamin' izany no nandresena sy nanosehana azy indray hiverina any amin' ny taniny ihany, rehefa niaritra famoizana be.

16 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy amby telopolon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

17 Ary dia toy izany no nifaranan' ny fitantaran' i Almà sy i Helamàna zanany lahy, ary koa i Siblôna izay zanany lahy.

NY BOKIN' I HELAMÀNA

Tantaran' ny Nefita. Ny adiny sy ny fifandirany ary ny fisarahambazany. Ary koa ny faminanian' ny mpaminany masina maro, talohan' ny fiavian' i Kristy, araka ny rakitsoratr' i Helamàna, izay zanakalahin' i Helamàna, ary koa araka ny rakitsoratr' ireo zanany lahy hatrany amin' ny fiavian' i Kristy. Ary maro koa tamin' ny Lamanita no niova fo. Ny tantaran' ny fiovany fo. Ny fitantarana ny fahamarinan' ny Lamanita ary ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny Nefita hatrany amin' ny fiavian' i Kristy, araka ny rakitsoratr' i Helamàna sy ny zanany lahy, izay antsoina hoe ny Bokin' i Helamàna, sy ny sisa.

TOKO 1

Tonga lohan' ny mpitsara i Pahôràna faharoa ary novonoin' i Kiskomena — Nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana i Pakomenia — I Kôriantomira no nitarika ny

miaramila Lamanita naka an' i Zarahemlà, ary namono an' i Pakomenia — Nandresy ny Lamanita ary naka indray an' i Zarahemlà i Môrônihà, ary novonoina i Kôriantomira. Tokony ho 52–50 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny, indro, ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahefapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nanomboka nisy savorovoro nampanahy teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita.

2 Fa indro, efa nodimandry i "Pahôràna ary efa nandeha tamin' ny lalana falehan' ny tany rehetra; koa nanomboka nisy fifandirana mafy momba izay tokony hahazo ny toeram-pitsarana teo anivon' ny mpirahalaha izay zanakalahin' i Pahôràna;

3 Ankehitriny dia ireto no anaran' ireo izay nifanditra momba ny toeram-pitsarana izay nahatonga koa ny vahoaka hifanditra: I Pahôràna, i Pahankia ary i Pakomenia.

4 Ankehitriny dia tsy ireo iha-ny no zanakalahin' i Pahôràna (fa nanana maro izy), saingy izy ireo no ireo izay nifanditra momba ny toeram-pitsarana; noho izany, izy ireo dia nahatonga fizarana telo teo anivon' ny vahoaka.

5 Na dia teo aza izany, ny zava-nitranga dia notendren' ny "feon' ny vahoaka i Pahôràna ho lohan' ny mpitsara sy governora teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

6 Ary ny zava-nitranga, nony nahita i Pakomenia fa tsy nety ho azony ny toeram-pitsarana, dia nitambatra tamin' ny feon' ny vahoaka izy.

7 Nefa indro, i Pahankia sy ilay ampahany tamin' ny vahoaka izay naniry ny hahatonga azy

ho mpanjakany dia nisafoaka izaitsizy tokoa; koa efa saika hanasohaso ny vahoaka izy hanangana fikomiana amin' ireo rahalahiny.

8 Ary ny zava-nitranga, raha handeha hanao izany izy, dia indro, nalaina sy notsaraina izy, araka ny feon' ny vahoaka, ary nohelohina ho faty; fa efa nanangana fikomiana izy ary nikatsaka ny handrava ny "fahafahan' ny vahoaka.

9 Ankehitriny nony nahita ireo olona izay naniry azy ho tonga governorany ireo fa nohelohina ho faty izy, dia tezitra izy ireo, ary indro, nirahiny izany Kiskomena izany, hankany amin' ny toeram-pitsaran' i Pahôràna, ary namono an' i Pahôràna raha iny izy nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana iny.

10 Ary nenjehin' ny mpanompon' i Pahôràna izy; nefa indro, haingana loatra ny fandosiran' i Kiskomena ka tsy nisy olona afaka nanatratra azy.

11 Ary nankany amin' ireo izay naniraka azy izy, ary efa nifanao dina izy rehetra, eny, nianiana tamin' ny Mpahary azy ireo mandrakizay fa izy ireo dia tsy hiteny amin' ny olona fa i Kiskomena no efa namono an' i Pahôràna.

12 Noho izany, i Kiskomena dia tsy fantatra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, fa niova endrika izy tamin' ny fotoana izay namonoany an' i Pahôràna. Ary i Kiskomena sy ny tariny izay efa nifanao dina taminy dia

niharoharo tany anivon' ny vahoaka, tamin' ny fomba izay tsy nahafahana nahafantatra azy ireo; fa izay rehetra fantatra kosa dia nohelohina ho "faty.

13 Ary ankehitriny, indro, notendrena i Pakomenia, araka ny feon' ny vahoaka, ho tonga lohan' ny mpitsara sy governora eo amin' ny vahoaka, hitondra eo amin' ny toeran' i Pahôràna rahalahiny; ary izany dia araka ny zony. Ary natao izany rehetra izany tamin' ny taona fahefapolon' ny fitondran' ny mpitsara; ary nanam-piafarana izany.

14 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahiraika amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia efa naha-tafavory miaraka vata-miaramila tsy tambo isaina ny Lamanita koa nampirongo azy sabatra sy simetera ary tsipika sy zana-tsipika, ary satro-by sy saron-tratra, ary rehefa mety ho ampinga rehetra isankarazany.

15 Ary nidina indray izy ireo mba hahazoany mamaky ady amin' ny Nefita. Ary izy ireo dia notarihin' ny lehilahy iray izay i Kôriantomira no anarany; ary tamingan' i Zarahemlà izy; ary mpiendaka avy teo anivon' ny Nefita; sady lehilahy vaventy no matanjaka.

16 Koa, ny mpanjakan' ny Lamanita, izay i Tobalôta no anarany, izay zanakalahin' i "Amôrôna, dia nihevitra fa i Kôriantomira izay lehilahy matanjaka dia afaka mifampitana amin' ny Nefita, noho ny heriny ary koa ny fahendreny lehibe,

hany ka ny fandefasana azy dia mety hahazoany fahefana amin' ny Nefita—

17 Koa nambosiny izy ireo ho tezitra, ary novoriany miaraka ny miaramilany sy notendreny i Kôriantomira ho mpitondra azy ary nataony izay hidinany any an-tanin' i Zarahemlà mba hiady amin' ny Nefita.

18 Ary ny zava-nitranga, noho ny fifandirana be tokoa sy ny savorovoro be tokoa tao amin' ny governemanta dia tsy nitana mpiambina ampy tao an-tanin' i Zarahemlà izy ireo; satria efa noheveriny fa ny Lamanita dia tsy ho sahy hiditra ny aty taniny ka hanafika ny tanàna lehiben' i Zarahemlà.

19 Nefa ny zava-nitranga dia nandeha nitarika ny miaramilany sesehena i Kôriantomira ary nanafika ny mponin' ny tanàna, ary lehibe izaitsizy tokoa toy izany ny hafaingan' ny diany ka tsy nisy fotoana ho an' ny Nefita mba hamoriana miaraka ny miaramilany.

20 Koa namono ny mpiambina teo akaikin' ny vavahadin' ny tanàna i Kôriantomira ary nandeha niaraka tamin' ny miaramilany iray manontolo nankao an-tanàna ary novonoiny ny tsirairay izay nanohitra azy, hany ka noraisiny ny fizakana ny tanàna iray manontolo.

21 Ary ny zava-nitranga, i Pakomenia izay lohan' ny mpitsara dia nandositra teo anoloan' i Kôriantomira hatrany amin' ny mandan' ny tanàna aza. Ary ny zava-nitranga dia

nasian' i Kôriantomira teo amin' ny manda izy ka maty. Ary dia toy izany no niafaran' ny andron' i Pakomenia.

22 Ary ankehitriny, nony nahita i Kôriantomira fa nizaka ny tanànan' i Zarahemlà izy, ary nahita fa ny Nefita dia efa nandositra teo anoloany sy novonoina ary nalaina sy natsipy tao am-ponja, ary efa nahazo ny fizakana ny toerana mafy indrindra teo amin' ny tany rehetra izy, dia nahazo hery ny fony hany ka efa saika handeha hiady amin' ny tany rehetra izy.

23 Ary ankehitriny dia tsy nitaredretra tao an-tanin' i Zarahemlà izy fa nandeha kosa niaraka tamin' ny miaramila sesehena nankany an-tanànan' i Soafeno; fa tapa-kevitra izy ny handeha sy hisava ny lalany amin' ny sabatra mba hahazoa-ny maka ny faritra avaratra amin' ny tany.

24 Ary, noho ny fiheverana fa ny heriny lehibe indrindra dia tao afovoan-tany, noho izany dia nandeha izy, tsy nanome azy ireo fotoana hiarahany mifamory afa-tsy tamina vondrona kely; ary tamin' izany fomba izany no nanafihany azy ireo sy nijinjany azy ireo ho lavo tamin' ny tany.

25 Nefa indro, izany dian' i Kôriantomira namakivaky ny afovoan-tany izany dia nanome an' i Môrônihà tombony lehibe taminy, na dia teo aza ny habetsahan' ny isan' ny Nefita izay novonoina.

26 Satria indro, efa nihevitra

i Môrônihà fa tsy ho sahy hiditra ny afovoan-tany ny Lamanita, fa hanafika kosa ny tanàna manodidina ao amin' ny sisin-tany, toy izay efa nataony hatrizao; koa nataon' i Môrônihà izay hitanan' ny miaramilany matanjaka ireo faritra manodidina akaikin' ny sisin-tany ireo.

27 Nefa indro, tsy natahotra araka ny faniriany ny Lamanita, fa efa niditra kosa ny afovoan-tany izy sy naka ny renivohitry ny tanàna, dia ny tanànan' i Zarahemlà ary nandeha namakivaky ny faritra lehibe indrindra tamin' ny tany, nandringana ny olona tamin' ny fandranganana be, na lahy na vavy na ankizy, nandray ny fizakana ny tanàna maro sy ny toeram-pamaharana maro.

28 Saingy nony efa hitan' i Môrônihà izany, dia nandefa avy hatrany an' i Lehia niaraka tamin' ny miaramila manodidina izy mba hihoatra azy mialohan' ny hahatongavany ao an-tanin' i Soafeno.

29 Ary izy dia nanao araka izany; ary nihoatra azy talohan' ny hahatongavany tao an-tanin' i Soafeno izy ary namaky ady taminy, hany ka nanomboka nihemotra izy, niverina nankany an-tanin' i Zarahemlà.

30 Ary ny zava-nitranga dia nialoha lalana azy tamin' ny fihemorany i Môrônihà ary namaky ady taminy, hany ka nanjary nandriaka izaitsizy tokoa ny ra tamin' ny ady; eny, maro no voavono, ary tao anatin' ireo

izay voavono dia nahitana koa an' i Kôriantomira.

31 Ary ankehitriny, indro, tsy afaka nihemotra na taiza na taiza ny Lamanita, na tao avatrata, na tao atsimo, na tao atsinanana, na tao andrefana, fa nohodidinin' ny Nefita tamin' ny lafiny rehetra izy.

32 Ary dia toy izany no efa nandetehan' i Kôriantomira ny Lamanita tao anivon' ny Nefita, hany ka teo ambany fahefan' ny Nefita izy, ary izy tenany dia efa voavono, ary ny Lamanita dia nitolo-batana ho eo antanan' ny Nefita.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Zarahemlà indray i Môrônià sy nanao izay hiaingan' ny Lamanita izay efa nalaina ho babo hiala ny tany tamin' ny fandriampahalemana.

34 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 2

Tonga lohan' ny mpitsara i Helamàna, zanakalahin' i Helamàna — Nitarika ny antokon' i Kiskomena i Gadiantôna — Namono an' i Kiskomena ny mpanompon' i Helamàna, ary nilefa nankany antany foana ny tarik' i Gadiantôna. Tokony ho 50–49 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny taona faharoa amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, taorian' ny efa nampiorenan' i

Môrônià indray ny fandriampahalemana teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, dia indro tsy nisy nameno ny toeram-pitsarana; noho izany dia nanomboka nisy fifandirana indray teo anivon' ny vahoaka momba izay hameno ny toeram-pitsarana.

2 Ary ny zava-nitranga dia i Helamàna izay zanakalahin' i Helamàna no notendren' ny feon' ny vahoaka hameno ny toeram-pitsarana.

3 Nefa indro, i "Kiskomena izay efa namono an' i Pahôràna dia namela otrika handringana an' i Helamàna koa; ary izy dia notohan' ny antokony izay efa nifanao dina fa tsy hisy hahafantatra ny faharatsiany.

4 Fa nisy izany "Gadiantôna izany, izay havanana izaitsizy tokoa tamin' ny teny maro ary koa tamin' ny famitahany, izay nitozo tamin' ny asa miafin' ny famonoana sy ny fandrohana; noho izany izy dia nanjary mpitondra ny antokon' i Kiskomena.

5 Koa nohasohasoiny izy ireo ary koa i Kiskomena, fa raha mametraka azy eo amin' ny toeram-pitsarana izy ireo dia hotoviny amin' ireo izay ao amin' ny antokony ireo ny fametrahana azy ireo ao amin' ny hery sy ny fahefana eo anivon' ny vahoaka; noho izany i Kiskomena dia nikatsaka ny hamongotra an' i Helamàna.

6 Ary ny zava-nitranga raha nandeha nankany amin' ny toeram-pitsarana izy hamongotra an' i Helamàna, dia indro

ny anankiray tamin' ny mpanompon' i Helamàna, rehefa nivoaka tamin' ny alina sy efa nahazo, tamin' ny alalan' ny fiovan' endrika, fahalalana ny amin' ireo tetika ireo izay efa novolavolain' ity antoko ity hamongorana an' i Helamàna —

7 Ary ny zava-nitranga dia nahaona tamin' i Kiskomena izy sy nanome azy famantarana iray; noho izany i Kiskomena dia nampahalala azy ny tanjon' ny faniriany, naniry ny hitarihany azy any amin' ny toeram-pitsarana mba hahazoany mamono an' i Helamàna.

8 Ary nony efa nahalala ny fon' i Kiskomena manontolo ny mpanompon' i Helamàna ary nahalala fa ny tanjony dia ny hamono, ary koa ny tanjon' ireo rehetra ireo izay ao amin' ny antokony dia ny hamono sy handroba ary hahazo fahefana, (ary izany no "tetiny miafina sy tsikombakombany) dia hoy ny mpanompon' i Helamàna tamin' i Kiskomena: Aoka isika handeha hankany amin' ny toeram-pitsarana.

9 Ankehitriny dia nahafinaritra an' i Kiskomena izaitsizy tokoa izany, satria nihevitra izy fa hahatanteraka ny fikasany; nefa indro, ny mpanompon' i Helamàna, raha nandeha hankany amin' ny toeram-pitsarana izy ireo, dia nitomboka an' i Kiskomena teo amin' ny fony, ka dia nianjera izy, maty tsy nigiaka. Ary nihazakazaka izy sy niteny

tamin' i Helamàna ny zavatra rehetra izay efa hitany sy ren'y ary nataony.

10 Ary ny zava-nitranga dia nampaniraka hisambotra ity antokona mpandroba sy mpamono miafina ity i Helamàna mba hahazoana manjedana azy ireo araka ny lalàna.

11 Nefa indro, nony nahita i Gadiantôna fa tsy niverina i Kiskomena, dia natahotra izy fandrao hofongorana; koa nataony izay hanarahan' ny antokony azy. Ary vaky nandositra niala ny tany, tamin' ny lalana miafina, hankany an-tany foana izy ireo; ary dia toy izany no tsy nahafahana nahita azy ireo na taiza na taiza rehefa naniraka i Helamàna hampisambotra azy ireo.

12 Ary horesahina misimisy kokoa ny amin' ity Gadiantôna ity any aoriana. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona faharoa amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

13 Ary indro, any amin' ny faran' ity boky ity dia ho hitanareo fa ity "Gadiantôna ity no nahatonga ny fianjerana, eny, saika ny famongorana tanteraka ny vahoakan' i Nefia.

14 Indro, ny tiako holazaina dia tsy ny fiasaran' ny bokin' i Helamàna, fa ny tiako holazaina kosa dia ny fiasaran' ny bokin' i Nefia izay efa nangalako ny fitantarana rehetra izay efa nosoratako.

TOKO 3

Nifindra monina tany amin' ny tany andafiavaratra ny Nefita maro—Nanorina trano tamin' ny simenitra sy nitana rakitsoratra maro izy ireo—An' alina no niova fo sy natao batisa—Nitarika ny olona hankamin' ny famonjena ny tenin' Andriamanitra—Nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana i Nefia, zanakalahin' i Helamàna. Tokony ho 49-39 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahatelo amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoakan' i Nefia afa-tsy fiavonavonana kely izay tao amin' ny fiangonana, izay nahatonga tsy fifanarahana kely sasantsasany teo anivon' ny vahoaka, dia raharaha izay voalamina tamin' ny fiasaran' ny taona fahatelo amby efapolo.

2 Ary tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka tamin' ny taona fahefatra amby efapolo; sady tsy nisy koa fifandirana firy tamin' ny taona fahadimy amby efapolo.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby efapolo, eny, dia nisy fifandirana be sy fiendahana maro; tamin' izany dia nisy maro izaitsizy tokoa no niainga niala ny tanin' i Zarahemlà sy nankamin' ny tany "andafiavaratra handova ny tany.

4 Ary nandeha tamina halavi-

rana lehibe izaitsizy tokoa izy mandra-pahatongany teo amin' ny vondron-drano "midadasika sy ny renirano maro.

5 Eny, ary niely patrana izy na dia tany amin' ny faritry ny tany rehetra aza, na taiza na taiza faritra ka tsy efa rava sy tsy nisy vatan-kazo, noho ny mponina maro izay efa nandova ny tany teo aloha.

6 Ary ankehitriny dia tsy nisy faritry ny tany izay rava, raha tsy noho ny tsy fisiana vatan-kazo; nefa noho ny halehiben' ny "famongorana ny vahoaka izay efa nonina teo amin' ny tany teo aloha dia nantsoina hoe ^brava izany.

7 Ary tsy nisy afa-tsy vatan-kazo vitsy teo amin' ny faritry ny tany, kanefa ny vahoaka izay nandeha tany dia nanjary havanana izaitsizy tokoa tamin' ny fampiasana simenitra; koa naoriny tamin' ny simenitra ny trano izay nitoerany.

8 Ary ny zava-nitranga dia nitoombo sy niely patrana izy ary nandeha avy tany amin' ny tany andafiatsimo ka hatrany amin' ny tany andafiavaratra ary niely patrana hany ka nanomboka nandrakotra ny lafin-tany manontolo, hatrany amin' ny ranomasina atsimo ka hatrany amin' ny ranomasina avaratra, hatrany amin' ny ranomasina "andrefana ka hatrany amin' ny ranomasina atsinanana.

9 Ary ny vahoaka izay tao amin' ny tany andafiavaratra dia nitoetra tao anaty lay sy tao

3 3a Almà 63:4.

4a Mòsià 8:8; Mòrm. 6:4.

6a Mòsià 21:25-27.

b Almà 22:31.

8a Almà 22:27, 32.

anaty trano vita tamin' ny sime-nitra ary namela rehefa mety ho hazo rehetra izay tokony haniry eto ambonin' ny tany izy ny hitomboany, mba hahazoany manana, amin' ny fotoana, vatan-kazo hanorenana ny trano-ny, eny, ny tanànanany sy ny tempoliny ary ny sinagogany sy ny fitoeramasingy ary ny karazana fanorenany rehetra.

10 Ary ny zava-nitranga, satria nahalana izaitsizy tokoa ny vatan-kazo tao amin' ny tany andafiavaratra dia nanondrana betsaka tamin' ny "sambo izy.

11 Ary dia toy izany no nahavitan' ny vahoaka tao amin' ny tany andafiavaratra nanorina tanàna maro, sady tamin' ny hazo no tamin' ny simenitra.

12 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro tamin' ny "vahoakan' i Amôna, izay Lamanita arapahaterahana, no nandeha koa nankamin' izany tany izany.

13 Ary ankehitriny dia misy maro ny rakitsoratra tanana momba ny zava-bitan' ity vahoaka ity, tanan' ny maro amin' ity vahoaka ity momba azy, izay amin' ny an-tsipiriany sy tena makadiry.

14 Nefa indro, ny ampahazaton' ny zava-bitan' ity vahoaka ity, eny, ny fitantarana ny amin' ny Lamanita sy ny amin' ny Nefita ary ny adiny sy ny fifandirany ary ny fisaraham-bazany ary ny fitoriany sy ny faminiany, ary ny fanondranany amin' ny sambo ary ny fanam-

boarany sambo ary ny fanorenany "tempoly sy sinagoga ary fitoeramasingy, ary ny fahamarinany sy ny faharatsiany ary ny famonoany olona ary ny fandropany sy ny famaboany fananana ary ny karazana fahavetavetana sy fijangajangana rehetra, dia tsy hita hotanana ao amin' ity asa soratra ity.

15 Nefa indro, misy boky maro sy rakitsoratra maro isan-karazany, ary ireny dia efa notanan' ny Nefita ny ankabeazany.

16 Ary ireny dia efa "natolotry ny Nefita ny taranaka ho an' ny iray hafa, ambara-pahalavo azy tao amin' ny fandikan-dalàna ka efa namonoina, nandrobana, ary nihazana sy nandroahana, ary nandringanana sy nanelezana azy tambonin' ny tany, ary nampifangaroana azy tamin' ny Lamanita ambara-piantso azy ^btsy ho Nefita intsony, satria tonga ratsy sy baribariana ary lozabe izy, eny, nanjary Lamanita mihitsy.

17 Ary ankehitriny dia iverenako indray ny fitantarako; noho izany, izay efa noteneniko dia efa nitranga taorian' ny efa nisian' ny fifandirana lehibe sy fikorontanana ary ady sy fisaraham-bazana, teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

18 Nifarana ny taona fahenina amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara;

19 Ary ny zava-nitranga dia mbola nisy fifandirana be teo amin' ny tany, eny, na dia tamin'

10a Almà 63:5-8.
12a Almà 27:21-26.
14a 2 Ne. 5:16;

Jakôba 1:17;
3 Ne. 11:1.
16a 1 Ne. 5:16-19;

Almà 37:4.
b Almà 45:12-14.

ny taona fahafito amby efapolo aza, ary koa tamin' ny fahavalo amby efapolo.

20 Na dia teo aza izany, dia nitondra ny toeram-pitsarana tamin' ny rariny sy ny hitsiny i Helamàna; eny, niezaka izy ny hitandrina ny fitsipika sy ny lalàna ary ny didin' Andriamanitra; ary nanao izay marina teo imason' Andriamanitra lalandava izy; ary izy dia nandeha tamin' ny lalan-drainy, hany ka dia niroborobo teo amin' ny tany.

21 Ary ny zava-nitranga dia nanana zanaka roa lahy izy. Nomeny ny anarana hoe "Nefia ny lahimatoa ary i ^bLehia ny zandriny. Ary nanomboka nitombo tao amin' ny Tompo ireo.

22 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitsahatra kely ihany ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita, tamin' ny tapany farany ny taona fahavalo amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

23 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy fandriampahalemana lalandava niorina teo amin' ny tany manontolo, raha tsy teo ny tsikombakomba mifaina izay efa naorin' i "Gadiantôna ilay jiolahy tamin' ny faritry ny tany be mponina kokoa, izay tsy fantatr' ireo izay lohan' ny governemanta tamin' izany fotoana izany;

noho izany dia tsy nofongorana ho foana tamin' ny tany izy ireo.

24 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany ihany, dia nisy fandrosoana lehibe izaitaisy tokoa tao amin' ny fiangonana, hany ka nisy an' arivony no nikambana tamin' ny fiangonana sy natao batisa ho amin' ny fibebahana.

25 Ary lehibe tokoa ny fandrosoan' ny fiangonana, ka maro tokoa ny fitahiana izay nirotsaka tamin' ny vahoaka, ka na dia ny tenan' ny mpisorona avo sy ny mpampianatra aza dia nitalanjona nihoa-pampana.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny asan' Andriamanitra tamin' ny fanaovana batisa sy ny fampiraisana tamin' ny fiangonan' Andriamanitra, fanahy maro, eny, an' alina mihitsy.

27 Dia toy izany no ahazoantsika mahita fa ny Tompo dia feno famindram-po amin' ireo rehetra izay hiantso ny anarany masina amin' ny fahatsoran' ny fony.

28 Eny, dia toy izany no ahitantsika fa ny "vavahadin' ny lanitra dia mivoha ho an' ny ^brehetra, dia ho an' ireo izay hino ny anaran' i Jesoa Kristy izay Zanak' Andriamanitra.

29 Eny, hitantsika fa izay rehetra manaiky dia mahazo miha-zona ny "tenin' Andriamanitra, izay ^bmailaka sy mahery, izay hampisaratsaraka ny hafetsena

21a TSM Nefia,
Zanakalahin' i
Helamàna.
b TSM Leahia, Misiônera

Nefita.
23a Hel. 2:4.
28a 2 Ne. 31:9, 17.
b Asa 10:28;

Roma. 2:10–11.
29a TSM Tenin'
Andriamanitra.
b Heb. 4:12; F&F 11:2.

rehetra sy ny fandrika ary ny famitahan' ny devoly sy hitarika ny olon' i Kristy amin' ny lalana ety sy "tery mamakivaky ny "tevan' ny fahoriana maharitra mandrakizay, izay voaomana hitelina ny olon-dratsy —

30 Ary hametraka ny fanahiny, eny, ny fanahiny tsy mety maty eo an-"tanana ankavanan' Andriamanitra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra mba hiaramitoetra amin' i Abrahama sy i Isaka ary miaraka amin' i Jakoba sy miaraka amin' ny razantsika masina rehetra, ka tsy hivoaka any ivelany intsony.

31 Ary tamin' izany taona izany dia nisy haravoana lalandava tao an-tanin' i Zarahemlà sy tamin' ny faritra rehetra manodidina, dia tamin' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita.

32 Ary ny zava-nitranga dia nisy fandriampahalemana sy fifaliana lehibe izaitsizy tokoa tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy amby efapolo; eny, ary nisy koa fandriampahalemana lalandava sy fifaliana lehibe tamin' ny taona fahadi-mampolon' ny fitondran' ny mpitsara.

33 Ary tamin' ny taona fahiraika amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nisy fandriampahalemana koa, raha tsy teo ny fiavonavonana izay nanomboka niditra tao ampiangonana — tsy tao amin' ny fiangonan' Andriamanitra, fa

tao am-pon' ny olona kosa izay nihambo ho isan' ny fiangonan' Andriamanitra —

34 Ary efa tafasondrotra tao amin' ny "avonavona izy, hatrany amin' ny fanenjhana ny maro tamin' ny rahalahiny. Ankehitriny, izany dia faharatsiana lehibe izay nahatonga ny ampahany nanetry tena koa tamin' ny vahoaka hiaritra fanenjhana lehibe sy handeha mamakivaky fahoriana be.

35 Na dia teo aza izany, dia "nifady hanina sy ^bnivavaka matetika izy, ary nihanahery kokoa hatrany hatrany tao amin' ny "fietreny sy nihamafy kokoa hatrany hatrany tao amin' ny finoana an' i Kristy, hany ka heniky ny fifaliana sy ny fiononana ny fanahiny, eny, na dia hatramin' ny "fanadiovana sy ny ^ffanamasinana ny fony aza, izay fanamasinana tonga noho ny ^snanolorany ny fony ho an' Andriamanitra.

36 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana koa ny taona faharoa amby dimampolo, raha tsy teo ny avonavona lehibe izaitsizy tokoa izay efa niditra ny fon' ny vahoaka; ary izany dia noho ny "hareny lehibe izaitsizy tokoa sy ny firoboroboany teo amin' ny tany; ary nitombo teo aminy isan' andro isan' andro izany.

37 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahatelo amby dimam-

29d 2 Ne. 9:41; 33:9.

e 1 Ne. 15:28–30.

30a Mat. 25:33–34.

34a TSM Fiavonavonana.

35a TSM Fifadian-kanina.

b TSM Vavaka.

d TSM Fanetren-tena.

e TSM Madio.

f TSM Fanamasinana.

g 2 Tan. 30:8;

Môsîa 3:19.

36a TSM Harena.

polon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nodimandry i Helamàna, ary i Nefia zanany lahimatoa no nitondra teo amin' ny toerany. Ary ny zava-nitranga dia nitondra ny toeram-pitsarana tamin' ny rariny sy ny hitsiny izy; eny, nitandrina ny didin' Andriamanitra sy nandeha tamin' ny lalan-drainy izy.

TOKO 4

Nampitambatra ny heriny ny mpiendaka Nefita sy ny Lamanita ary naka ny tanin' i Zarahemlà — Tonga ny faharesen' ny Nefita noho ny faharatsiany — Nihemotra ny fiangonana, ary nanjary nalemy toy ny Lamanita ny vahoaka. Tokony ho 38–30 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny taona fahefatra amby dimampolo, dia nisy fisaraham-bazana maro tao amin' ny fiangonana, ary nisy koa “fifandirana teo anivon' ny vahoaka, hany ka nisy fandatsahan-dra be.

2 Ary ny ampahan' ny mpikomy dia novonoina sy noroahina hiala ny tany, ary nandeha izy ireo nankany amin' ny mpanjakan' ny Lamanita.

3 Ary ny zava-nitranga dia noezahany ny hamoky ny Lamanita hiady amin' ny Nefita; nefa indro, natahotra izaitsizy tokoa ny Lamanita, hany ka tsy tiany henoina ny tenin' ireo mpiendaka ireo.

4 Nefa ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby

dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy ny “mpien-daka izay nandeha niakatra avy tany amin' ny Nefita nankany amin' ny Lamanita; ary dia nahomby ireo, niaraka tamin' ireo hafa, tamin' ny famokisana azy ho tezitra amin' ny Nefita; ary niomana ho amin' ny ady izy tamin' izany mandavantao-na izany.

5 Ary tamin' ny taona fahafito amby dimampolo dia nandeha nidina izy hiady amin' ny Nefita, ary natombony ny asan' ny fahafatesana; eny, hany ka tamin' ny taona fahavalo amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nahomby izy tamin' ny fahazoana ny fizakana ny tanin' i Zarahemlà; eny, ary koa ny tany rehetra, na dia hatramin' ny tany izay akaikin' ny tanin' i Soafeno aza.

6 Ary ny Nefita sy ny miaramilan' i Môrônihà dia voatosika hatrany an-tanin' i Soafeno;

7 Ary tao izy no nanamafy ny toeram-piarovana hanoherana ny Lamanita, hatrany amin' ny ranomasina andrefana ka hatrany atsinanana; izany dia lalana indray andro ho an' ny Nefita iray, manaraka ny faritra izay efa nohamafisiny sy nametrahany ny miaramilany hiaro ny taniny avaratra.

8 Ary dia toy izany no efa nahazoan' ireo mpiendaka tamin' ny Nefita ireo, niaraka tamin' ny fanampian' ny miaramilan' ny Lamanita sesehena, ny fananan' ny Nefita rehetra izay tao

amin' ny tany andafiatrimo. Ary izany rehetra izany dia efa natao tamin' ny taona fahavalo amby dimampolo sy fahasivy amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara.

9 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahenimpolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nahomby i Môrônià sy ny miamilany tamin' ny fahazoana faritra maro tamin' ny tany; eny, azony indray ny tanàna maro izay efa nianjera teo an-tanan' ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahiraika amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nahomby izy tamin' ny fahazoana indray, na dia ny antsasaky ny fananany rehetra aza.

11 Ankehitriny izany famoizana lehibe an' ny Nefita izany sy ny fandranganana lehibe izay nisy teo anivony dia tsy ho nitranga raha tsy noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany izay nisy teo anivony; eny, izany koa dia teo anivon' ireo izay nihambo ho isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

12 Ary izany dia noho ny "avonavon' ny fony, noho ny b'hareny fatratra, eny, izany dia noho ny fampahorianany ny d'mahantra, ny fihazonany ny hani-ny tsy ho an' ny noana, ny fihazonany ny fitafiany tsy ho an' ny mitanjaka sy ny fitehafana teo amin' ny takolaka ny rahalahiny miety tena, ny fanarabiana izay masina, ny fandavana ny

fanahin' ny faminaniana sy ny an' ny fanambarana, ny famonoana, ny fandrohana, ny fandaingana, ny fangalarana, ny fijangajangana, ny fananganana fifandirana lehibe ary ny fitsoahany nankany an-tanin' i Nefia, tany anivon' ny Lamanita —

13 Ary noho izany faharatsiany lehibe izany sy ny "fireharehany tamin' ny heriny ihany, dia navela tao amin' ny heriny ihany izy; noho izany izy dia tsy niroborobo, fa nampahorianana sy nokapohina kosa ary noroahina teo anoloan' ny Lamanita, mandra-pahatonga ny fizakana saiky ny taniny rehetra ho very.

14 Nefa indro, i Môrônià dia nitory zavatra maro tamin' ny vahoaka noho ny helony, ary i "Nefia sy i Lehia koa izay zanakalahin' i Helamàna dia nitory zavatra maro tamin' ny vahoaka, eny, naminany zavatra maro taminy momba ny helony sy izay hanjo azy raha tsy mibebaka amin' ny fahotany izy.

15 Ary ny zava-nitranga dia nibebaka izy, ary arakaraka ny nibebahany no nanombohany niroborobo.

16 Fa nony nahita i Môrônià fa nibebaka izy dia sahiny ny nitarika azy isan-toerana sy isan-tanàna, mandra-pahazoany indray ny antsasaky ny fananany sy ny antsasaky ny taniny rehetra.

17 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby

12a Oba. 1:3-4;
F&F 101:42.
b 1 Tim. 6:17;

2 Ne. 9:42.
d F&F 42:30-31.
13a TSM Fiavonavonana.

14a Hel. 3:21.

enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara.

18 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona faharoa amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tsy nety nahazo fananana intsony tamin' ny Lamanita i Môrônià.

19 Koa nafoiny ny fikasany hahazo ny sisa tavela tamin' ny taniny, fa maro loatra ny Lamanita ka nanjary tsy vitan' ny Nefita ny hanana fahefana misimisy kokoa aminy; noho izany i Môrônià dia nampiasa ny miaramilany rehetra hitana ireo faritra izay efa azony ireo.

20 Ary ny zava-nitranga, noho ny habetsahan' ny isan' ny Lamanita, dia tao amin' ny tahotra be ny Nefita fandrao ho resy tosika sy ho voahosihosy ary ho voavono sy ho voaringana izy.

21 Eny, nanomboka nahatsiaro ny faminanian' i Almà izy, ary koa ny tenin' i Môsià; ary hitany fa efa nanjary vahoaka mafy hatoka izy ary nataony tsinontsinona ny didin' Andriamanitra;

22 Ary efa novany sy nohosihoseny tamin' ny tongony ny "lalàn' i Môsià, na izay nandidian' ny Tompo azy homena ny vahoaka; ary hitany fa ny lalàny dia efa nivaona ary efa nanjary vahoaka mamohetra izy, hany ka efa lasa mamohetra mihi-tsy toy ny Lamanita.

23 Ary noho ny helony dia efa nanomboka "niihemotra ny fiangonana; ary nanomboka tsy nino

ny fanahin' ny faminanianana sy ny fanahin' ny fanambarana izy; ary ny fitsaran' Andriamanitra dia nibanjina azy nifanatrika.

24 Ary hitany fa efa "nalemy tahaka ny Lamanita rahalahiny izy, fa tsy nitsimbina azy intsony ny Fanahin' ny Tompo; eny, iza-ny dia efa nisintona niala tamin-ny, satria tsy mitoetra ao amin' ny tempoly izay ^btsy masina ny "Fanahin' ny Tompo—

25 Noho izany ny Tompo dia nitsahatra nitsimbina azy tamin' ny heriny mahagaga sy tsy manan-tsahala, satria efa lavo tao amin' ny toetry ny "tsy finoana sy ny faharatsiana mahatsiravina izy; ary hitany fa ny Lamanita dia maro izaitsizy tokoa noho izy, ary raha tsy ^bfikiriny ny Tompo Andriamaniny, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty azy.

26 Fa indro, hitany fa ny tanjaky ny Lamanita dia lehibe toy ny tanjany, olona iray ho an' ny olona iray. Ary dia toy izany no efa nahalavo azy tao amin' izao fandikan-dalàna lehibe izao; eny, dia toy izany no efa nahatonga azy ho malemy, noho ny fandikany lalàna, tao anatin' ny taona "tsy dia maro loatra.

TOKO 5

Nanokana ny tenany ho amin' ny fitoriana i Nefia sy i Lehia—Nitaona azy ireo ny anarany hampi-

22a Almà 1:1.

23a TSM Apôstazia.

24a Môsià 1:13.

b Môsià 2:37;

Almà 7:21; 34:36.

d TSM Fanahy Masina.

25a TSM Tsy Finoana.

b Jakôba 6:5.

26a Almà 46:8;

Hel. 12:3–4.

taha ny fiainany amin' ny an' ny razany—Nanavotra ireo izay nibe-baka i Kristy—Nahatonga ny olona maro hiova fo i Nefia sy i Lehia ary notanana am-ponja sy nohodidinin' ny afo izy ireo—Nanaloka olona telonjato ny rahon' ny haizina—Nihovitrovitra ny tany, ary nandidy ny olona hibe-baka ny feo iray—Nitafasiry tamin' ny anjely i Nefia sy i Lehia, ary nohodidin' ny afo ny besinimaro. Tokony ho 30 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay ihany dia indro, natolotr' i "Nefia ny lehilahy iray izay i Sezôrama no anarany ny toeram-pitsarana.

2 Fa satria ny lalàny sy ny governemantany dia efa nam-piorenin' ny "feon' ny vahoaka, ary ireo izay ^bnifidy ny ratsy dia maro an' isa kokoa noho ireo izay nifidy ny tsara, koa masaka ho amin' ny famongorana izy fa efa nivaona ny lalàna.

3 Eny, ary tsy izay ihany fa vahoaka mafy hatoka koa izy, hany ka tsy azo entina araka ny lalàna sy ny hitsiny, raha tsy ho fandravana azy.

4 Ary ny zava-nitranga dia efa sasatra i Nefia noho ny helony; ary "nafoiny ny toeram-pitsarana ka noraisiny ho an' ny tenany ny hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ny androny sisa rehetra, ary torak' izany koa i Lehia rahalahiny, amin' ny androny sisa rehetra;

5 Fa tsaroany ny teny izay

notenenin' i Helamàna rainy taminy. Ary izao no teny izay noteneniny:

6 Indro, ry zanako, maniry aho ny hahatsiarovanareo ny hitan-drina ny didin' Andriamanitra; ary mba tiako ny hilazanareo amin' ny vahoaka ireto teny ireto. Indro, efa nomeko anareo ny anaran' ny "ray aman-drenintsika voalohany izay nivoaka avy tao an-tanin' i Jerosalema; ary izany no efa nataoko dia ny hahazoanareo mahatsiaro azy rehefa mahatsiaro ny anarana-reo ianareo; ary rehefa mahatsiaro azy ianareo, dia ny hahazoanareo mahatsiaro ny asany; ary rehefa mahatsiaro ny asany ianareo dia ny hahazoanareo mahafantatra fa voalaza ary koa voasoratra fa ^btsara ireny.

7 Noho izany, ry zanako, dia mba tiako ny hanaovanareo izay tsara mba hahazoana milaza ary koa manoratra ny momba anareo, tahaka izay efa nolazaina sy nosoratana momba azy ireo.

8 Ary ankehitriny ry zanako, indro somary manan-javatra misimisy iriana aminareo ihany aho, izany faniriana izany dia ny tsy hanaovanareo ireo zavatra ireo hahazoanareo mihambo, fa ny hanaovanareo kosa ireo zavatra ireo hiharianareo ho an' ny tenanareo "harena any an-danitra, eny, izay mandrakizay sy izay tsy mety levona; eny, mba hahazoanareo manana izany ^bfanomezana sarobidin' ny fiainana mandrakizay izany

5 1a Hel. 3:37.
2a Môsià 29:25-27.
b Almà 10:19.

4a Almà 4:15-20.
6a 1 Ne. 1:1, 5.
b 2 Ne. 33.

8a 3 Ne. 13:19-21.
b F&F 14:7.

izay ananantsika antony hiheverana fa efa nomena ny razantsika izany.

9 Ô tsarovy, tsarovy, ry zanaiko, ny “teny izay notenenin’ i Benjamîna mpanjaka tamin’ ny vahoakany; eny, tsarovy fa tsy misy lalana na fomba izay hahafahana mamonjy ny olona, raha tsy amin’ ny alalan’ ny ^bran’ ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy izay ho avy; eny, tsarovy fa ho avy Izy “hanavotra ‘izao tontolo izao.

10 Ary tsarovy koa ny “teny izay notenenin’ i Amioleka tamin’ i Zezrôma, tao an-tanànan’ i Amônihà; satria nolazainy taminy fa ho avy marina tokoa ny Tompo hanavotra ny olony, saingy tsy ho avy Izy hanavotra azy ao amin’ ny fahotany, fa hanavotra azy kosa amin’ ny fahotany.

11 Ary manana ny fahefana nomena Azy avy amin’ ny Ray Izy mba hanavotra azy amin’ ny fahotany noho ny fibebahana; noho izany Izy dia efa “naniraka ny anjeliny hilaza ny vaovao momba ny fepetran’ ny fibebahana, izay mitondra mankamin’ ny herin’ ny Mpanavotra ho famonjena ny fanahiny.

12 Ary ankehitriny, ry zanaiko, tsarovy, tsarovy fa eo amin’ ny “vatolampin’ ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny ^bfototrareo; ka

rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin’ ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny “tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin’ ny hantsan’ ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan’ ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia ireo no teny izay “nampianarin’ i Helamàna ny zanany lahy; eny, nampianariny azy ireo ny zavatra maro izay tsy voasoratra ary koa ny zavatra maro izay voasoratra.

14 Ary izy ireo dia nahatsiaro ny teniny; ary noho izany dia nandeha izy ireo nitandrina ny didin’ Andriamanitra mba hampianatra ny tenin’ Andriamanitra any anivon’ ny vahoakan’ i Nefia rehetra, nanomboka tao an-tanànan’ i Soafeno;

15 Ary avy tao dia tao an-tanànan’ i Gida; ary avy tao an-tanànan’ i Gida dia tao an-tanànan’ i Mioleka;

16 Ary dia avy tamin’ ny tanàna iray nankamin’ ny iray hafa, mandra-pandehanany tany anivon’ ny vahoakan’ i Nefia rehetra izay tao amin’ ny tany andafiatismo; ary avy tao dia nankao

9a Môsià 2:9.

b Môsià 3:17–18.

TSM Sorompanavotana.

d TSM Fanavotana.

e TSM Izao Tontolo

Izao—Ny olona izay tsy mankatò ny didin’ Andriamanitra.

10a Almà 11:34.

11a Almà 13:24–25.

12a Mat. 7:24–27;

F&F 6:34; Mos. 7:53.

TSM Vato Fehizoro;

Vatolampy.

b Isa. 28:16; Jakôba 4:16.

d 3 Ne. 14:25, 27.

13a Môsià 1:4.

amin' ny tanin' i Zarahemlà, tany anivon' ny Lamanita.

17 Ary ny zava-nitranga dia nitory tamin' kery lehibe izy ireo, hany ka nampangaihaiziny ny maro tamin' ireny "mpiendaka ireny izay efa niala avy tany amin' ny Nefita, hany ka nandroso izy ireny sy niaiky ny fahotany ary natao batisa ho amin' ny fibebahana sy niverina avy hatrany tany amin' ny Nefita mba hiezaka ny hanarina aminy ny hadisoana izay efa nataony.

18 Ary ny zava-nitranga dia nitory tamin' ny Lamanita tamin' ny hery sy fahefana lehibe toy izany i Nefia sy i Lehia, satria nananany ny hery sy ny fahefana nomena azy ireo mba hahazoany "miteny ary nananany koa izay tokony hoteneniny nomena azy ireo —

19 Noho izany izy ireo dia niteny ho fahagagana lehibe ho an' ny Lamanita, ho "fandresendahatra azy, hany ka nisy valo arivo tamin' ny Lamanita izay tao an-tanin' i Zarahemlà sy ny manodidina no natao batisa ho amin' ny fibebahana ary resy lahatra ny amin' ny faharatsian' ny fomban' ny razany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nankao an-tanin' i Nefia i Nefia sy i Lehia rehefa avy teo.

21 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny miaramilan' ny Lamanita izy ireo sy natsipiny tao am-"ponja; eny, dia tao amin'

ilay fonja ihany izay nanipazan' ny mpanompon' i Limia an' i Amôna sy ny rahalahiny.

22 Ary taorian' ny nanipazana azy ireo tao am-ponja andro maro tsisy hanina, dia indro, nandeha nankao am-ponja izy ireo haka azy ireo mba hahazoany mamono azy ireo.

23 Ary ny zava-nitranga dia voahodidina i Nefia sy i Lehia, miova tsy ny tamin' ny "afo, hany ka tsy sahiny ny naninjitra ny tanany taminy noho ny fahatahorany fandrao ho may. Kanefa tsy may i Nefia sy i Lehia; ary izy ireo dia toy ny mijoro eo afovoan' ny afo ary tsy may.

24 Ary nony hitany fa efa voahodidin' ny "andry afo izy ireo ary tsy nandoro azy ireo izany, dia nahazo hery ny fony.

25 Satria hitany fa tsy sahy naninjitra ny tanany taminy ny Lamanita; tsy sahiny koa ny nanatona azy ireo akaiky, fa nijoro kosa izy ireo miova tsy ny moana noho ny fitalanjonana.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandroso i Nefia sy i Lehia ary nanomboka niteny taminy, nanao hoe: Aza matahotra, fa indro, Andriamanitra no efa naneho taminareo izao zava-mahagaga izao, izay anehoana aminareo fa tsy afaka maninjitra ny tananareo aminay ianareo mba hamono anay.

27 Ary indro, nony efa nola-zainy izany teny izany dia nihovotrovotra izaitsizy tokoa

17a Hel. 4:4.

18a F&F 100:5–8.

TSM Faminaniana.

19a TSM Fiovam-po; Asa

Fitoriana.

21a Môsià 7:6–7; 21:23.

23a Eks. 3:2.

24a Eks. 14:24; 1 Ne. 1:6;

F&F 29:12; JS—T 1:16.

ny tany, ary ny rindrin' ny fonja dia nihovotrovotra miova tsy ny hirodana amin' ny tany; nefa indro, tsy nianjera izany. Ary indro, ireo izay tao am-ponja dia Lamanita sy Nefita izay mpiendaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia nalofan' ny rahon' ny "haizina izy ireo ary tonga taminy ny tahotra tena mahatsiravina.

29 Ary ny zava-nitranga dia nisy "feo tonga toy ny tambonin' ny rahon' ny haizina, nanao hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo ary aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny mpanompoko izay efa nirahiko hankatỳ aminareo hilaza vao-vao mahafaly.

30 Ary ny zava-nitranga, nony efa reny izany feo izany dia tsapany fa tsy ny feon' ny kotrobaratra izany, na ny feon' ny tabataba lehibe mirohondrona, fa indro kosa izany dia "feo malefaka sy tony tanteraka miova tsy ny bitsika iray, ary izany dia nandoaka na dia hatrany amin' ny aty fanahy aza.

31 Ary na dia teo aza ny fahalefahan' ilay feo, dia indro nihovotrovotra izaitsizy tokoa ny tany ary nihorohoro indray ny rindrin' ny fonja, miova tsy ny hirodana amin' ny tany; ary indro ny rahon' ny haizina, izay efa nanaloka azy ireo dia tsy nisinda —

32 Ary indro tonga indray ilay feo, nanao hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra;

ary aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny mpanompoko. Ary ny zava-nitranga dia nihovotrovotra indray ny tany ary nihorohoro ny rindrina.

33 Ary koa tonga fanintelony indray ilay feo, sy niteny taminy teny mahatalanjona izay tsy hain' ny olona tenenina; ary nihorohoro indray ny rindrina ary nihovotrovotra ny tany miova tsy ny efa hitresaka izany.

34 Ary ny zava-nitranga dia tsy afaka nandositra ny Lamanita noho ny rahon' ny haizina, izay nanaloka azy ireo; eny, ary tsy nahahetsika koa izy ireo noho ny tahotra izay tonga taminy.

35 Ankehitriny dia nisy anankiray taminy izay Nefita arapahaterahana, izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra teo aloha saingy efa niendaka taminy.

36 Ary ny zava-nitranga dia nihodina izy, ary indro, tazany tao amin' ny rahon' ny haizina ny tarehin' i Nefia sy i Lehia; ary indro, "namirapiratra izaitsizy tokoa ireo, tahaka ny tarehin' anjely mihitsy. Ary tazany fa izy ireo dia nanandratra ny masony nankany an-danitra; ary raha ny fihetsik' izy ireo dia toy ny miresaka na manandra-peo amina fisiana iray izay tazan' izy ireo.

37 Ary ny zava-nitranga dia nihiaka ny valalabemandry izy mba hihodinany sy hijereny. Ary indro, nisy hery nomena azy ireo ka dia nihodina izy ireo sy nijery; ary nahatazana ny tavan' i Nefia sy i Lehia izy ireo.

38 Ary hoy ireo tamin-drale-

hilahy: Indro, inona no dikan' izao zava-drehetra izao, ary iza no iarahan' ireo lehilahy ireo mitafasiry?

39 Ankehitriny ny anaran-dra lehilahy dia i Aminadaba. Ary hoy i Aminadaba taminy: Izy ireo dia mitafasiry amin' ny anjelin' Andriamanitra.

40 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Lamanita taminy: "Inona no hataonay mba hahazoana manaisotra ity rahon' ny haizina ity tsy hanaloka anay?

41 Ary hoy i Aminadaba taminy: Tsy maintsy "mibebaka ianareo, ary mihiaka an' ilay feo, mandra-panananareo ^bfinoana an' i Kristy, izay nampianarin' i Almà sy i Amioleka ary i Zezrôma anareo; ary rehefa ataonareo izany, dia hoesorina tsy hanaloka anareo ny rahon' ny haizina.

42 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nihiaka an' ilay feo efa nampihovotrovotra ny tany izy rehetra; eny, izy ireo dia nihiaka mandra-pisindan' ny rahon' ny haizina.

43 Ary ny zava-nitranga, nony nanopy ny masonry manodidina izy ireo ary nahita fa efa nisinda ny rahon' ny haizina tsy nana-loka azy ireo, dia indro, hitany fa "voatemitra manodidina izy ireo, eny, ny olona tsirairay tamin' ny andry afo.

44 Ary teo afovoan' izy ireo i Nefia sy i Lehia; eny, izy ireo dia voatemitra manodidina; eny, izy

ireo dia tahaka ny eo afovoan' ny afo mirehitra, kanefa tsy nanimba azy ireo izany sady tsy niantraika tamin' ny rindrin' ny fonja; ary nofenoina tamin' izato "fifaliana izay tsy hay tenenina izy ireo ary heniky ny voninahitra.

45 Ary indro, ny "Fanahy Masin' Andriamanitra dia nidi-na avy tany an-danitra sy nidi-tra tao am-pony ary nofenoina izy ireo miova tsy ny tamin' ny afo, ary afaka ^bnilaza teny mahatalanjona izy ireo.

46 Ary ny zava-nitranga dia nisy feo tonga taminy, eny, dia feo mahafinaritra, miova tsy ny bitsika iray, nanao hoe:

47 "Fiadanana, fiadanana ho aminareo, noho ny finoanareo ny Malalako Indrindra izay hatry ny fanorenana izao ton-tolo izao.

48 Ary ankehitriny, nony nandre izany izy ireo dia nanandra-tra ny masonry toy ny hitazana izay niavian' ilay feo; ary indro, hitany ny "lanitra nisokatra; ary nidina avy tany an-danitra ny anjely sy nanompo azy ireo.

49 Ary nisy tokony ho telonjato olona no nahita sy nandre ireo zavatra ireo; ary nodidina izy ireo handeha sy tsy ho gaga na hiroanahana.

50 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo sy nanompo ny olona, nanambara eran' ny faritra rehetra manodidina ny zavatra rehetra izay efa reny sy

40a Asa 2:37–39.

41a TSM Fibebahana.

^b TSM Finoana.

43a 3 Ne. 17:24; 19:14.

44a TSM Fifaliana.

45a 3 Ne. 9:20;

Etera 12:14.

^b TSM Fanomezam-

pahasoavan' ny Fanahy.

47a TSM Fiadanana.

48a 1 Ne. 1:8.

hitany, hany ka ny ankamaroan' ny Lamanita dia resy lahatra ny aminy, noho ny halehiben' ny porofo izay azony.

51 Ary izay rehetra “resy lahatra dia namela ny fitaovam-piadiany, ary koa ny fankahalany sy ny fomban' ny razany.

52 Ary ny zava-nitranga dia natolony ny Nefita ny tany fananany.

TOKO 6

Nitory tamin' ny Nefita mamohatra ny Lamanita marina — Niroborobo ny vahoaka roa tonta nandritra ny fotoan' ny fangorian-pahalemana sy ny fahafenoana — I Losifera, fototry ny ota, dia namoky ny fon' ny olon-dratsy sy ny jirik' i Gadiantôna ho amin' ny famonoana sy ny faharatsiana — Nandray ny fitondrana ny governemanta Nefita ny jirika — Tokony ho 29–23 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony efa nifarana ny taona faharoa amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia efa nitranga avokoa ireo zavatra ireo ary ny Lamanita dia efa tonga olo-marina ny ankamaroany, hany ka ny “fahamarinany dia nihoatra ny an' ny Nefita, noho ny fiorenany sy ny fifotorany tao amin' ny finoana.

2 Fa indro, nisy maro tamin' ny Nefita no efa nanjary “nihamafy fo sy tsy nivalo ary bontolo ratsy tokoa, hany ka notsipahiny ny

tenin' Andriamanitra sy ny fitoriana ary ny faminiana rehetra izay tonga tany anivony.

3 Na dia teo aza izany, ny vahoakan' ny fiangonana dia nanana fialiana lehibe noho ny fiovam-pon' ny Lamanita, eny, noho ny fiangonan' Andriamanitra, izay efa niorina tany anivony. Ary “nifampihavana sy niara-paly izy samy izy ary nanam-pifaliana lehibe.

4 Ary ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita no nandeha nidina tany an-tanin' i Zarahemlà sy nanambara tamin' ny vahoakan' ny Nefita ny fomban' ny “fiovam-pony ary namporisika azy ho amin' ny finoana sy ny fibebahana.

5 Eny, ary maro no nitory tamin-kery sy fahefana lehibe izaitsizy tokoa, ka nitondra ny maro taminy hidina any amin' ny halalin' ny fanentretena mba ho mpanara-dia manetry tena an' Andriamanitra sy ny Zanakondry.

6 Ary ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita no nandeha nankamin' ny tany andafiavaratra; ary i Nefia sy i Lehia koa dia nandeha nankamin' ny “tany andafiavaratra, hitory amin' ny vahoaka. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo amby enimpolo.

7 Ary indro, nisy fandriampahalemana teo amin' ny tany manontolo, hany ka ny Nefita dia nandeha na taiza na taiza faritry ny tany tiany haleha, na

51a Almà 31:5.

6 1a Hel. 13:1.

2a Roma. 1:28–32.

3a TSM Fihavanana.

4a TSM Fiovam-po.

6a Almà 63:4–9;

Hel. 3:11–12.

tany anivon' ny Nefita na ny Lamanita.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandeha koa ny Lamanita na taiza na taiza tiany haleha, na tany anivon' ny Lamanita izany, na tany anivon' ny Nefita; ary dia toy izany no nananany fifaneraserana malalaka teo amin' izy samy izy, na hividy na hivarotra, na haka tombony araka ny faniriany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanjary mpanefoefo izaitsizy tokoa izy, na ny Lamanita na ny Nefita; ary nanana amby ampy izy tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy ary tamin' ny karazana metaly sarobidy rehetra, na tao amin' ny tany atsimo, na tao amin' ny tany avaratra.

10 Ankehitriny, ny tany atsimo dia nantsoina hoe Lehia ary ny tany avaratra dia nantsoina hoe "Mioleka izay araka ny anaran' ny zanakalahin' i Zedekià; fa ny Tompo dia nitondra an' i Mioleka hankamin' ny tany avaratra ary i Lehia hankamin' ny tany atsimo.

11 Ary indro, nisy ny karazambolamena rehetra tamin' ireo tany roa ireo sy ny karazambolafotsy ary rehefa mety ho akora sarobidy isan-karazany; ary nisy koa mpanao taozavatra havanana izay niasa ny karazana metaly rehetra sy nanadio izany; ary dia toy izany no nahatonga azy ho mpanefohefo.

12 Namboleny ny voa sesehe-na, na tany avaratra na tany atsimo; ary niroborobo izaitsizy

tokoa izy, na tany avaratra na tany atsimo. Ary nitombo sy nihanahery izaitsizy teo amin' ny tany izy. Ary nokoloiny ny biby fiompy maro, eny, biby nafahy maro.

13 Indro, ny vehivaviny dia nilofo sy namoly ary nanao ny karazan-damba rehetra tamin' ny hariry madinika sy ny lamba isan-karazany mba hatafy ny fitanjahany. Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona fahafatra amby enimpolo tao anatin' ny fandriampahalemana.

14 Ary tamin' ny taona fahadimy amby enimpolo dia nananany koa ny fifaliana lehibe sy ny fandriampahalemana, eny, ny fitoriana betsaka sy ny faminiana maro momba izay ho avy. Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona fahadimy amby enimpolo.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia indro novonoin' ny tanana tsy fantatra i "Sezô-rama raha nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana. Ary ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay ihany, dia ny zanany lahy izay efa notendren' ny vahoaka ho eo amin' ny toerany dia voavono koa. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby enimpolo.

16 Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahafito amby enimpolo dia nanomboka ho lasa ratsy izaitsizy tokoa indray ny vahoaka.

17 Fa indro, efa nitahy azy ela tokoa ny Tompo tamin' ny haren' izao tontolo izao ka tsy voambosy ho amin' ny fahateverana izy, ho amin' ny ady, na koa ho amin' ny fandatsahandra; noho izany dia nanomboka nametraka ny fony tamin' ny harena izy; eny, nanomboka nikatsaka ny hahazo tombony izy mba hisondrotan' ny iray ho ambonin' ny hafa; noho izany izy dia nanomboka nanao "vonoan' olona an-tsokosoko sy nandroba ary namabo mba hahazoany maka tombony.

18 Ary ankehitriny, indro, ireo mpamono sy mpandroba ireo dia tarika iray izay efa natsangan' i Kiskomena sy i "Gadiantôna. Ary ankehitriny ny zava-tra efa nitranga dia nisy maro, na dia teo anivon' ny Nefita aza, no tarik' i Gadiantôna. Nefa indro, maro indrindra izy ireo tany anivon' ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny Lamanita. Ary mpangalatra sy mpamonon' i Gadiantôna no niantsona azy ireo.

19 Ary izy ireo no namono an' i Sezôrama, sy ny zanany lahy, raha teo amin' ny toeram-pitsarana ireo; ary indro, tsy nisy nahita izy ireo.

20 Ary ankehitriny ny zava-nitranga nony nahita ny Lamanita fa nisy mpangalatra teo anivony dia feno alahelo izaitsizy tokoa izy; ary nampiasainy ny fitaovana rehetra teo ambany fahefany hamongorana azy ireo eto ambonin' ny tany.

21 Nefa indro, nambosian' i Satana ny fon' ny ankamaroan' ny Nefita, hany ka ireo dia nikambana tamin' ireo andiana mpangalatra ireo sy nanao ny dinany sy ny veliranony fa hifampiaro sy hifampitsimbina izy samy izy, na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra sarotra mety hisy azy ireo, ka tsy hijaliany noho ny famonoany olona sy ny fandroban' ary ny fangalarany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nanana ny fifamantarany izy ireo, eny, ny "fifamantarany miafina sy ny teniny miafina; ary izany dia ny mba hahazoany manavaka ny rahalahy izay efa nanao dina, ka na inona na inona faharatsiana hataon' ny rahalahiny dia tsy horatrain' ny rahalahiny izy, na koa ireo izay ao anatin' ny tariny, izay efa nanao izany dina izany.

23 Ary izany dia ny mba hahafahany mamono sy mandroba ary mangalatra ary manao fijangajangana sy ny fomban' ny faharatsiana rehetra mifanohitra amin' ny lalàn' ny taniny ary koa ny lalàn' Andriamaniny.

24 Ary na zovy na zovy tamin' ireo izay tao anatin' ny tariny no hamboraka amin' izao tontolo izao ny "faharatsiany sy ny fahavetavetany dia hotsaraina, tsy araka ny lalàn' ny taniny fa araka ny lalàn' ny faharatsiany kosa, izay efa nomen' i Gadiantôna sy i Kiskomena.

25 Ankehitriny, indro, ireo "velirano sy dina miafina ireo

no nandidian' i Almà ny zana-ny lahy tsy hambara amin' izao tontolo izao, fandrao ireny dia ho lasa fitaovana hitondrana ny olona hidina any amin' ny famongorana.

26 Ankehitriny, indro, ireo "velirano sy dina miafina ireo dia tsy tonga tany amin' i Gadiantôna tamin' ny alalan' ny rakitsoratra izay efa natolotra an' i Helamàna; fa indro ireny kosa dia napetraka tao am-pon' i Gadiantôna, napetrak' ^bilay naka fanahy ihany ny ray amandrenintsika voalohany mba hihinana amin' ilay voankazo voarara —

27 Eny, ilay nioko niaraka tamin' i "Kaina ihany fa raha mamono an' i Abela rahalahiny izy, dia tsy ho fantatr' izao tontolo izao izany. Ary izy dia nio-ko niaraka tamin' i Kaina sy ny mpanaraka azy hatramin' izay fotoana izay.

28 Ary izy ihany koa ilay nametraka tao am-pon' ny vahoaka mba "hanorina tilikambo iray avo tokoa mba hahazoany man-kany an-danitra. Ary izy ihany ilay nitarika ny vahoaka izay tonga avy tany amin' izany tili-kambo izany teto amin' ity tany ity; izay nanaparitaka ny asan' ny haizina sy ny fahavetavetana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany, mandra-pisintony ny olona hidina any amin' ny ^bfamongorana tanteraka sy any amin' ny helo maharitra mandrakizay.

29 Eny, izy ihany ilay nametraka tao am-pon' i "Gadiantôna mba hanohy ny asan' ny haizina sy ny an' ny famonoana antokosoko; ary efa nampaharitra izany izy hatrany am-piandohan' ny olona ka hatramin' izao fotoana izao.

30 Ary indro, izy no "fototry ny fahotana rehetra. Ary indro, izy dia manohy ny asany ao amin' ny haizina sy ny famonoany an-tsokosoko ary mampita ny fiokoan' izy ireo sy ny veliranon' izy ireo, ary ny dinan' izy ireo sy ny drafitry ny faharatsiana mahatsiravin' izy ireo, avy amin' ny taranaka iray ho an' ny taranaka iray, arakaraka ny ahafahany mahazo vahana ao am-pon' ny zanak' olombelona.

31 Ary ankehitriny, indro, efa nahazo vahana lehibe tao am-pon' ny Nefita izy; eny, hany ka ireo dia efa tonga ratsy izaitsizy tokoa; eny, ny ankamaroany dia efa nivily niala tamin' ny lalan' ny fahamarinana sy "nanosihosy tamin' ny tongony ny didin' Andriamanitra, ary nivily nan-kamin' ny lalany ihany sy nanangana ho an' ny tenany sampy avy tamin' ny volamenany sy ny volafotsiny.

32 Ary ny zava-nitranga dia tonga taminy tao anatin' ny taona "tsy dia maro loatra ireny heloka rehetra ireny, hany ka ny ankamaroan' ireny dia tonga taminy tamin' ny taona fahafito

26a Mos. 5:29, 49-52.

b 3 Ne. 6:28;

Mos. 4:6-12.

27a Mos. 5:18-33.

28a Gen. 11:1-4; Etera 1:3.

b Etera 8:9, 15-25.

29a Hel. 2:4-13.

30a Almà 5:39-42;

Môrô. 7:12, 17;

Mos. 4:4.

31a 1 Ne. 19:7.

32a Almà 46:8.

amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

33 Ary nitombo tao amin' ny helony izy tamin' ny taona fahavalo amby enimpolo koa, izay nahatonga alahelo lehibe sy fitomaniana ho an' ny marina.

34 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny Nefita dia nanomboka nihemotra tao amin' ny tsy finoana sy nitombo tao amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana, raha nanomboka nitombo izaitsizy tokoa tao amin' ny fahalalana an' Andriamaniny ny Lamanita; eny, izy dia nanomboka nitandrina ny fitsipiny sy ny didiny ary nandeha tamin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana teo anoloany.

35 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny Fanahin' ny Tompo dia nanomboka "niala tamin' ny Nefita, noho ny faharatsiana sy ny hamafin' ny fony.

36 Ary dia toy izany no ahitantsika fa nanomboka nandrotsaka ny Fanahiny tamin' ny Lamanita ny Tompo, noho ny fahamorany sy ny finiaivany hino ny teniny.

37 Ary ny zava-nitranga dia nohazain' ny Lamanita ny andiana jirik' i Gadiantôna; ary notorianty tany anivon' ny ampahany ratsy indrindra taminy ny tenin' Andriamanitra, hany ka fongana tanteraka izany andiana jirika izany tany anivon' ny Lamanita.

38 Ary ny zava-nitranga, ta-

min' ny ankilany, ny Nefita dia nampiorina sy nanohana azy ireo, nanomboka tany amin' ny ampahany ratsy indrindra taminy, ambara-pahatonga azy ireo hanafotra ny tanin' ny Nefita manontolo sy hanangoly ny ankamaroan' ny marina mandra-paharevo azy, ka hino ny asany sy hifampizara ny babony ary hikambana aminy amin' ny vonoan' olona an-tso-kosoko sy ny tsikombakombany.

39 Ary dia toy izany no nahazoany ny fitantanana samirery ny governemanta, hany ka nohosihoseny tamin' ny tongony sy nokapohiny ary noviravirainy sy nanatodihany lamosina ny "mahantra sy ny malemy paika ary ny mpanara-dia an' Andriamanitra manetry tena.

40 Ary dia toy izany no ahitantsika fa tao amin' ny toetra mahatsiravina izy, ary "masaka ho amin' ny famongorana maharitra mandrakizay.

41 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

NY FAMINANIAN' I NEFIA, ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA—Nandrahona ny vahoakan' i Nefia Andriamanitra fa hovangiany ao amin' ny fahatezerany izy ho famongorana azy tanteraka raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiany izy. Namely ny vaho-

35a Môsia 2:36;
F&F 121:37.
39a Sal. 109:16;

Almà 5:54–56;
F&F 56:16.
40a Hel. 5:2; 11:37;

F&F 18:6.

kan' i Nefia tamin' ny areti-
mandringana Andriamanitra;
nibebaka sy nitodika Taminy
izy. Naminany tamin' ny Nefita
i Samoela ilay Lamanita.

*Mahafaoka ny toko faha-7 ka
hatramin' ny 16 manontolo.*

TOKO 7

*Notsipahan' ny tany avaratra i
Nefia ary niverina tao Zarahemlà
—Nivavaka teo amin' ny tilikam-
bon' ny sahany izy ary avy eo dia
niantso ny olona na hibebaka na
ho faty. Tokony ho 23-21 talohan' i J.K.*

INDRO, ankehitriny ny zava-
nitanga tamin' ny taona fa-
hasivy amby enimpolon' ny
fitondran' ny mpitsara teo amin'
ny vahoakan' ny Nefita, dia
"niverina tao an-tanin' i Zarahemlà avy tany amin' ny tany andafiavaratra i Nefia zanakalahin' i Helamàna.

2 Satria efa nandeha tany anivon' ny vahoaka izay tao amin' ny tany andafiavaratra izy sy nitory ny tenin' Andriamanitra taminy ary naminany zavatra maro taminy;

3 Ary notsipahiny ny teniny rehetra, hany ka tsy afaka nijanona teo anivony izy, fa niverina kosa indray tany amin' ny tany nahaterahany.

4 Ary ny fahitana ny vahoaka tao amin' ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina toy izany sy ireo jirik' i Gadiantôna name-no ny toeram-pitsarana ireo—

rehefa nisandoka ny hery sy ny fahefana teo amin' ny tany; namela ny didin' Andriamanitra, sady tsy marina na dia kely akory aza teo Anoloany; tsy nanao ny marina tamin' ny zanak' olombelona;

5 Nanameloka ny marina noho ny fahamarinany; namotsotra ny meloka sy ny ratsy handeha tsy nafaizina noho ny volany; ary ankoatra izany dia notanana teo amin' ny fandraharahana teo amin' ny lohan' ny gouvernanta, mba hanapaka sy hanao araka ny sitrapony mba hahazoany manana ny tombony sy ny voninahitr' "izao tontolo izao, ary ankoatra izany, mba hahazoany manao fijangajangana mora foana, sy mangalatra, ary mamono sy manao araka ny sitrapony ihany—

6 Ankehitriny, izany heloka lehibe izany dia efa tonga tamin' ny Nefita, tao anatin' ny taona tsy dia maro loatra; ary nony nahita izany i Nefia dia vonton' alahelo ny fony tao an-tratranany; ary niantso tao amin' ny fangirifirian' ny fanahiny izy hoe:

7 Ô, inay anie aho ho afaka niaina tamin' ny andro izay nivoahan' i Nefia raiko avy tao an-tanin' i Jerosalema, ka ho afaka niara-paly taminy teo amin' ny tany nampanantenaina; tamin' izany ny olony dia mora alahatra nifototra tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, ary nitaredretra raha tarihina hanao heloka; ary mailaka ny handre ny tenin' ny Tompo—

8 Eny, raha mba afaka niaina tamin' ireny andro ireny aho, dia ho nanam-pifaliana tao amin' ny fahamarinan' ny rahalahiko aho tamin' izany.

9 Nefa indro, efa voatendry fa izao no androko, ary ny fanahiko dia hofenoina alahelo noho izao faharatsian' ny rahalahiko izao.

10 Ary indro, ankehitriny ny zava-nitranga dia teo amin' ny tilikambo izany, izay teo amin' ny sahan' i Nefia, izay teo akai-kin' ny arabe izay nitondra nankamin' ny tsena lehibe, izay tao an-tanànan' i Zarahemlà; noho izany i Nefia dia efa niankohoka teo amin' ny tilikambo izay teo amin' ny sahan' izay tilikambo akaiky koa ny vavahadin' ny saha izay nitondra nankamin' ny arabe.

11 Ary ny zava-nitranga dia nisy ny olona sasany nandalo teo ary nahita an' i Nefia raha namboraka ny fanahiny tamin' Andriamanitra izy teo amin' ny tilikambo; ary nihazakazaka ireo sy niteny tamin' ny vahoaka izay efa hitany, ary niara-tonga ny vahoaka sesehena mba hahazoany mahafantatra ny anton' ny alahelo lehibe toy izany noho ny faharatsian' ny vahoaka.

12 Ary ankehitriny, nony nitsangana i Nefia dia hitany ny hamaroan' ny olona izay efa niara-nifamory.

13 Ary ny zava-nitranga dia niloa-bava izy ary nilaza taminy

hoe: Indro, “nahoana ianareo no efa niara-nifamory? Mba hahazoako miteny anareo ny amin' ny helokareo va?

14 Eny, satria efa niakatra teo amin' ny tilikamboko aho mba hahazoako mamboraka ny fanahiko amin' Andriamanitra noho ny alahelon' ny foko fatratra, izay noho ny helokareo!

15 Ary noho ny alaheloko sy ny fitomaniako dia efa niara-nifamory ianareo sy nitolagaga; eny, ary ilaina fatratra ianareo mba hitolagaga; eny, tokony hitolagaga ianareo, satria manai-ky lembeana ianareo ka efa mahazo vahana lehibe tokoa amin' ny fonareo ny devoly.

16 Eny, ahoana no nahafahianareo nanome lalana ho an' ny fanangolen' ilay mikatsaka ny hamarina ny fanahinareo hidina any amin' ny fahoriana maharitra mandrakizay sy ny loza tsisy fiafarany?

17 Ô, mibebaha ianareo, mibebaha ianareo! “Nahoana no te ho faty ianareo? Mitodiha ianareo, mitodiha amin' ny Tompo Andriamanitrareo ianareo. Nahoana Izy no efa nahafoy anareo?

18 Izany dia noho ianareo efa nanamafy ny fonareo; eny, tsy te hihaino ny feon' ny “mpiandry ondry tsara ianareo; eny, efa ^bnihantsy Azy ho tezitra aminareo ianareo.

19 Ary indro, ho solon' ny “fanangonana anareo, raha tsy mibebaka ianareo dia indro Izy

13a Mat. 3:5–8.

17a Ezek. 18:23, 31–32.

18a Ezek. 34:12;

Jao. 10:14–16;

Almà 5:38–41, 57–60.

^tsm Mpiandry

Ondry Tsara.

^b Jakôba 1:8;

Almà 12:36–37.

19a 3 Ne. 10:4–7.

no hampihahaka anareo ka hatonga anareo ho hena ho an' ny amboa sy ny bibidia.

20 Ô, ahoana no nahafahana-reo nanadino ny Andriamanitrareo tamin' ilay andro izay efa nanafahany anareo indrindra?

21 Nefa indro, izany dia ny mba hahazoana tombony, ny mba hoderain' ny olona, eny, ary ny mba hahazoanareo volamena sy volafotsy. Ary ianareo dia efa nametraka ny fonareo tamin' ny harena sy ny zava-poanan' ^aizao tontolo izao, izay amonoanareo olona sy androbanareo, ary angalaranareo ary ijoroanareo ho ^bvavolombelona mandainga hanohitra ny namanareo sy anaovanareo ny fomban' ny heloka rehetra.

22 Ary noho izany antony izany dia loza no ho tonga aminareo raha tsy mibebaka ianareo. Fa raha tsy mibebaka ianareo, indro, ity tanàna lehibe ity ary koa ireo tanàna lehibe rehetra izay manodidina, izay eo amin' ny tany zakaintsika, dia halaina ka tsy hanana toerana ao aminy ianareo; fa indro, tsy hotovin' ny Tompo aminareo toy izay efa nataony hatrizao ny ^atanjaka hanoherana ny fahavalonareo.

23 Fa indro, izao no lazain' ny Tompo: Izaho tsy haneho ny heriko amin' ny ratsy, amin' ny iray mihoatra noho ny amin' ny hafa, afa-tsy amin' ireo izay mibebaka amin' ny fahotany sy mihaino ny teniko. Koa ankehi-

triny, dia mba tiako ny hahitanareo, ry rahalahiko, fa ho ^atsara kokoa ho an' ny Lamanita toy izay ho anareo raha tsy mibebaka ianareo.

24 Fa indro, marina kokoa noho ianareo izy, fa tsy nanota tamin' ity fahalalana lehibe izay efa noraisinareo ity izy; noho izany ny Tompo dia ho feno famindram-po aminy; eny, ^ahohalavainy ny androny sy hohampitomboiny ny solofony na dia ho ^bfongana tanteraka aza ianareo raha tsy mibebaka.

25 Eny, lozanareo noho ity fahavetavetana lehibe izay efa tonga teo anivonareo ity; ary efa nanambatra ny tenanareo tamin' izany ianareo, eny, tamin' izany ^atarika miafina izay efa naorin' i Gadiantôna izany!

26 Eny, ho tonga aminareo ny ^aloza noho ity avonavona izay efa navelanareo hiditra ny fonareo ity, izay efa nanandratra anareo ho ambony mihoatra izay tsara noho ny ^bharenareo betsaka izaitsizy tokoa!

27 Eny, lozanareo noho ny faharatsianareo sy ny fahavetavetana-reo!

28 Ary raha tsy mibebaka ianareo dia ho faty; eny, na dia ny taninareo aza dia halaina aminareo, ary hofongorana eto ambonin' ny tany ianareo.

29 Indro ankehitriny, tsy avy amin' ny tenako no ilazako fa hisy ireo zavatra ireo, satria tsy avy amin' ny tenako no ^aaha-

21a TSM Rehak' Izao
Tontolo Izao.
b Eks. 20:16;
Mat. 15:19-20.

22a Môsià 7:29.
23a Hel. 15:11-15.
24a Almà 9:16; F&F 5:33.
b Almà 9:19.

25a Hel. 3:23.
26a Isa. 5:8-25.
b Jakôba 2:13.
29a Almà 5:45-46.

fantarako ireo zavatra ireo; nefa indro, fantatro fa marina ireo zavatra ireo, satria ny Tompo Andriamanitra no efa nampahafantatra ireo ahy, noho izany dia ambarako fa hitranga ireo.

TOKO 8

Mikatsaka ny hambosy ny olona hanohitra an' i Nefia ny mpitsara lomorina—I Abrahama, i Mosesy, i Zenôsa, i Zenôka, i Ezia, i Isaia, i Jeremia, i Lehia sy i Nefia, dia nanambara ny amin' i Kristy daholo—Nambaran' i Nefia tamin' ny fitaoman' ny fanahy ny famonoana ny lohan' ny mpitsara. Tokony ho 23–21 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Nefia, dia indro, nisy ireo lehilahy izay mpitsara, izay anisan' ny tarika miafin' i Gadiantôna, ary tezitra ireo sy nihiaka nanohitra azy, nilaza tamin' ny olona hoe: Nahoana ianareo no tsy misambotra io lehilahy io sy mitondra azy hahazoana manameloka azy araka ny heloka izay efa nataony?

2 Nahoana ianareo no mijery io lehilahy io sy mihaino azy manevateva ity vahoaka ity sy ny lalàntsika?

3 Fa indro, i Nefia dia efa niteny taminy ny momba ny fahasimban' ny lalàny; eny, zavatra maro no notenenin' i Nefia, izay tsy hay soratana; ary tsy nisy na inona na inona notene-

niny izay nifanohitra tamin' ny didin' Andriamanitra.

4 Ary tezitra taminy ireo mpitsara ireo noho izy “niteny ankarihary tokoa taminy ny momba ny asany miafina ao amin' ny haizina; na dia teo aza izany, dia tsy sahin' ny naninjitra ny tanany taminy, satria natahorany ny vahoaka, fandrao hihiaika izy hanohitra azy ireo.

5 Noho izany ireo dia nihiaka tamin' ny vahoaka, nanao hoe: Nahoana ianareo no mamela io lehilahy io hanevateva antsika? Fa indro, izy dia manameloka ity vahoaka rehetra ity, na dia hatrany amin' ny famongorana aza; eny, ary ireny tanànantsika lehibe ireny koa dia halaina amintsika, ka isika dia tsy hana-toerana ao aminy.

6 Ary ankehitriny dia fantatsika fa tsy ho azo atao izany, fa indro, matanjaka isika, ary lehibe ny tanànantsika, koa tsy afaka hanana fahefana amintsika ny fahavalontsika.

7 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no namokisany ny vahoaka ho tezitra tamin' i Nefia, sy namelomany fifandirana teo anivony; fa nisy ny sasany izay nihiaka hoe: Avelao amin' izao io lehilahy io fa lehilahy tsara izy, ary ireo zavatra izay lazainy ireo dia hitranga marina tokoa raha tsy mibebaka isika;

8 Eny, indro, ny famaliana rehetra izay efa nambarany tamin-tsika dia ho tonga amintsika; satria fantatsika fa efa nambary tamintsika araka ny hitsiny

ny momba ny helotsika. Ary indro, maro ireny ary "fantany rahateo ny zava-drehetra izay hanjo antsika tahaka ny afahan-tarany ny amin' ny helotsika;

9 Eny, ary indro, raha tsy mpaminany izy dia tsy ho afaka nambara ny amin' ireo zavatra ireo.

10 Ary ny zava-nitranga dia voatery ireo olona izay nikatsaka ny hamongotra an' i Nefia ireo, noho ny fahatahorany, ny tsy haninjitra ny tanany aminy, noho izany dia nanomboka indray niteny taminy izy, nony hitany fa efa nahazo sitraka teo imason' ny sasany, hany ka ny sisa taminy dia natahotra.

11 Noho izany izy dia voatery hiteny misimisy kokoa aminy, nanao hoe: Indro, ry rahalahiko, tsy efa novakinareo va fa Andriamanitra dia nanome fahefana ny lehilahy iray, dia i Mosesy, hikapoka ny ranon' ny "Ranomarina Mena, ary dia nisaraka teo an-daniny sy tetsy an-kilany izany, hany ka ny Isiraelita izay razantsika, dia namakivaky nandia tany maina, ary nikatona tamin' ny miaramilan' ny Egiptiana ny rano ary nitelina azy?

12 Ary ankehitriny, indro, raha nomen' Andriamanitra izany lehilahy izany ny fahefana toy izany, nahoana ianareo amin' izany no hifanjihitra eo anivonareo sy hilaza fa tsy nomeny

fahefana aho, izay ahazoako mahafantatra ny momba ny famaliana izay ho tonga aminareo raha tsy mibebaka ianareo?

13 Nefa, indro, tsy lavinareo fotsiny ny teniko fa lavinareo koa ny teny rehetra izay efa notenenin' ny razantsika ary koa ny teny izay efa notenenin' izany lehilahy izany, dia i Mosesy izay efa nanana fahefana lehibe toy izany nomena azy, eny, dia ny teny izay efa noteneniny momba ny fiavian' ny Mesia.

14 Eny, tsy nijoro ho vavolombelona va izy fa ho avy ny Zanak' Andriamanitra? Ary tahaka ny "nanandratany ny menarana varahina tany an-tany foana, dia tahaka izany koa no hanandratana an' Ilay ho avy.

15 Ary tahaka ny "hahavelona izay rehetra hiandrindra izany menarana izany, dia tahaka izany koa izay rehetra hiandrindra ny Zanak' Andriamanitra amin' ny finoana ka manana fanahy manenina dia mety ho ^bvelona ho amin' izany fiainana izany izay mandrakizay.

16 Ary ankehitriny, indro, tsy i Mosesy ihany no nanambara ny amin' ireo zavatra ireo fa ny "mpaminany masina rehetra koa, hatramin' ny androny ka hatramin' ny andron' i Abrahama.

17 Eny, ary indro, nahita ny fiaviany i "Abrahama ka nofenoina firavoravoana ary nifaly.

8a Hel. 7:29.

11a Eks. 14:16;

1 Ne. 17:26;

Môsà 7:19;

F&F 8:2-3;

Mos. 1:25.

14a Nom. 21:6-9;

2 Ne. 25:20;

Almà 33:19-22.

TSM Jesoa Kristy—

Tandindona na

sarinteny momba

an' i Kristy.

15a 1 Ne. 17:41;

Almà 37:45-47;

3 Ne. 15:9.

^b Jao. 11:25.

16a Jakôba 4:4-5; 7:11.

17a Gen. 22:8-14;

Jao. 8:56.

18 Eny, ary indro lazaiko aminareo, fa tsy i Abrahama ihany no nahafantatra ny amin' ireo zavatra ireo, fa nisy "maro talohan' ny andron' i Abrahama no nantsoina tamin' ny ^blamin' Andriamanitra; eny, dia araka ny lamin' ny Zanany; ary izany dia ny mba hanehoana amin' ny vahoaka, an' arivon-taona marobe mialohan' ny fiaviany, fa ny fanavotana dia ho tonga amin' izy ireny.

19 Ary ankehitriny dia mba tiako ho fantatrarao fa na dia hatramin' ny andron' i Abrahama aza dia efa nisy mpaminany maro izay efa nanambara ireo zavatra ireo; eny, indro, ny mpaminany "Zenôsa dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa, ka novonoina izy noho izany.

20 Ary indro i "Zenôka koa, ary i Ezià koa, ary koa i ^bIsaia sy i "Jeremia, (i Jeremia ihany ilay mpaminany izay nanambara ny amin' ny fandravana an' i "Jerosalema) ary ankehitriny fantatsika fa noravana i Jerosalema araka ny tenin' i Jeremia. Ô ka dia nahoana ny Zanak' Andriamanitra no tsy ho avy araka ny faminany?

21 Ary ankehitriny, hotoherinareo va fa noravana i "Jerosalema? Holazainareo va fa tsy novonoina ny ^bzanakalahin' i

Zedekia, izy rehetra afa-tsy i "Mioleka? Eny, ary tsy hitanareo va fa miaraka amintsika ny taranak' i Zedekia, ary izy ireo dia noroahina hiala ny tanin' i Jerosalema? Nefa indro, tsy izay ihany —

22 I Lehia razantsika dia noroahina hiala an' i Jerosalema noho izy nanambara ny amin' ireo zavatra ireo. Nanambara ny amin' ireo zavatra ireo koa i Nefia ary saika ny razantsika rehetra koa, na dia hatramin' izao fotoana izao aza; eny, izy ireo dia efa nanambara ny amin' ny "fiavian' i Kristy sy efa nian-drandra ary efa nifaly noho ny androny izay ho avy.

23 Ary indro, Izy dia Andriamanitra, ary Izy dia miaraka aminy, ary Izy dia naneho ny tenany taminy, ka ireo dia navotana tamin' alalany; ary nomen' ireo voninahitra Izy noho izay mbola ho avy.

24 Ary ankehitriny, satria fantatrarao ireo zavatra ireo, sy tsy azonareo lavina ireo raha tsy hoe handainga ianareo, koa amin' izany dia efa manota ianareo satria efa tsipahanareo ireo zavatra rehetra ireo, na dia eo aza ny porofo maro tokoa izay efa raisinareo; eny, na dia efa raisinareo aza ny "zava-drehetra, na ny zavatra any an-danitra na ny

18a Almà 13:19;
F&F 84:6–16; 136:37.

b TSM Fisoronana
Melkizedeka.

19a Almà 34:7.

20a 1 Ne. 19:10;
3 Ne. 10:15–16.

TSM Soratra Masina—
Soratra Masina Very.

b Isa. 53.

d 1 Ne. 5:13; 7:14.

e Jer. 26:18; 1 Ne. 1:4.

21a 2 Ne. 6:8;

Ômnia 1:15.

b 2 Mpan. 25:7;

Jer. 39:6; 52:10.

d Ezek. 17:22–23;

Hel. 6:10.

22a TSM Jesoa Kristy—

Faminaniana ny

amin' ny

fahaterahana sy

ny fahafatesan' i

Jesoa Kristy.

24a Almà 30:44;

Mos. 6:63.

zava-drehetra izay etỳ an-tany, ho toy ny vavolombelona fa marina ireo.

25 Nefa indro, efa nitsipaka ny fahamarinana ianareo sy “nikomy tamin’ Andriamanitrareo masina; ary na dia amin’ izao fotoana izao aza, ho solon’ ny fiharianareo ^bharena any andanitra ho an’ ny tenanareo, izay tsy misy na inona na inona manimba sy izay tsy misy na inona na inona tsy madio afaka miditra, dia mampitatao fahatezerana ho an’ ny tenanareo ho amin’ ny andron’ ny ^afitsarana ianareo.

26 Eny, na dia amin’ izao fotoana izao aza noho ny famonoanareo olona sy ny “fijanganareo ary ny faharatsianareo dia mihamasaka ho amin’ ny famongorana maharitra mandrakizay ianareo; eny, ary raha tsy mibebaka ianareo, dia ho tonga aminareo tsy ho ela izany.

27 Eny, indro ankehitriny dia eo am-baravarananareo mihitsy izany; eny, mandehana ianareo mankany amin’ ny toeram-pitsarana, ary zahào; ary indro nisy namono ny mpitsaranareo, ary “mandry eo amin’ ny rany izy; ary efa novonoin’ ^bny rahalahiny izay mikatsaka ny hipetraka eo amin’ ny toeram-pitsarana izy.

28 Ary indro, izy roroa dia anisan’ ny ao amin’ ny antokonareo miafina izay i Gadiantôna no “mpamorona azy sy ilay ratsy

izay mikatsaka ny hamongotra ny fanahin’ ny olona.

TOKO 9

Nahita ny lohan’ ny mpitsara maty teo amin’ ny toeram-pitsarana ny iraka — Naiditra am-ponja izy ireo ary nafahana tato aoriana — Tamin’ ny fitaoman’ ny fanahy no namantaran’ i Nefia an’ i Seantoma ho mpamono — Neken’ ny sasany ho toy ny mpaminany i Nefia. Tokony ho 23–21 talohan’ i j.k.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Nefia, ny olona sasany izay teo anivony dia nihazakazaka nankany amin’ ny toeram-pitsarana; eny, nisy dimy no nandeha, ary nifampiresaka izy samy izy raha nandeha, hoe:

2 Indro, ankehitriny dia ho fantatsika marina tokoa raha mpaminany io lehilahy io ary raha Andriamanitra no efa nandidy azy haminany zavatra mampitolagaga toy izany amin-tsika. Indro, isika dia tsy mino fa Izy no efa nanao izany; eny, isika dia tsy mino fa mpaminany izy; kanefa, raha ity zavatra izay efa nolazainy momba ny lohan’ ny mpitsara ity no marina fa maty izy, dia hino isika amin’ izany fa ny teny hafa izay efa noteneniny dia marina.

3 Ary ny zava-nitranga dia nihazakazaka tamin’ ny heriny izy ireo ary niditra tao amin’ ny

25a Môsià 2:36–38; 3:12.

b Hel. 5:8;

3 Ne. 13:19–21.

d F&F 10:20–23;

121:23–25.

26a TSM Fijangajangana.

27a Hel. 9:3, 15.

b Hel. 9:6, 26–38.

28a Hel. 6:26–30.

toeram-pitsarana; ary indro, ny lohan' ny mpitsara efa lavo tamin' ny tany sy "nandry teo amin' ny rany.

4 Ary ankehitriny indro, nony hitany izany dia talanjona izai-tsizy tokoa izy ireo, hany ka lavo tamin' ny tany; satria tsy ninoany ny teny izay efa notenenin' i Nefia momba ny lohan' ny mpitsara.

5 Saingy ankehitriny, rehefa nahita izy ireo dia nino, ary tonga taminy ny tahotra fandrao ny famaliana rehetra izay efa notenenin' i Nefia dia ho tonga amin' ny vahoaka; koa nihorohoro izy ireo ary lavo tamin' ny tany.

6 Ankehitriny, raha vantany vao nisy namono ny mpitsara—rehefa notombohan' ny rahalahiny izy, araka ny tetika mifaina, ka nandositra izy, dia nihazakazaka ireo mpanompo sy nilaza tamin' ny vahoaka, namelona antso momba ny vonoan' olona teo anivony;

7 Ary indro, ny vahoaka dia niara-nifamory teo amin' ny toeram-pitsarana—ary indro, akory ny fitalanjonany nahita ireo dimy lahy ireo izay efa lavo tamin' ny tany.

8 Ary ankehitriny, indro, ny vahoaka dia tsy nahalala na inona na inona momba ny valalabemandry izay efa niara-nivory teo amin' ny "sahan' i Nefia; noho izany dia niresaka izy samy izy hoe: Ireto lehilahy ireto no ireo izay efa namono ny mpitsara, ary efa nasian'

Andriamanitra ireo ka tsy afaka nandositra antsika.

9 Ary ny zava-nitranga dia nohazoniny izy ireo sy nafatony ary natsipiny tao am-ponja. Ary nisy filazana nalefa hatraiza hatraiza fa nisy namono ny mpitsara ary ny mpamono dia efa nentina sy natsipy tao am-ponja.

10 Ary ny zava-nitranga ny ampitso dia niara-nifamory ny vahoaka hisaona sy "hifady hanina amin' ny fandevenana ny lohan' ny mpitsara lehibe izay efa nisy namono.

11 Ary dia toy izany koa ireo mpitsara izay tao amin' ny sahan' i Nefia sy nandre ny teniny dia niara-nifamory koa tamin' ny fandevenana.

12 Ary ny zava-nitranga dia nanadina ny vahoaka teo izy ireo, nanao hoe: Aiza ny dimy izay nalefa hanadihady momba ny lohan' ny mpitsara raha maty izy? Ary namaly izy sy niteny hoe: Ny momba izany dimy izay lazainareo fa efa nalefanareo izany dia tsy fantatray; fa misy kosa dimy, dia ireo mpamono izay efa natsipinay tao am-ponja.

13 Ary ny zava-nitranga dia naniry ny hitondrana azy ireo ny mpitsara; ary nentina ireo, ary indro, ireo no dimy izay nira-hina; ary indro, nanadina azy ireo ny mpitsara mba hahalala ny momba ilay raharaha, ary nolazainy taminy izay rehetra efa nataony, nanao hoe:

14 Nihazakazaka izahay ary tonga tao amin' ny sehatry ny toeram-pitsarana, ary nony

hitanay fa ny zava-drehetra dia tahaka izay efa nambaran' i Nefia, dia talanjona izahay hany ka lavo tamin' ny tany; ary no-ny efa nahatsiaro tena avy tao amin' ny fitalanjonanay izahay, dia indro natsipin' izy ireo tao am-ponja.

15 Ankehitriny, raha ny amin' ny famonoana an' ity lehilahy ity, dia tsy fantatray izay efa nanao izany; ary izao ihany no fantatray, nihazakazaka izahay sy tonga araka ny fanirianareo, ary indro efa maty izy araka ny tenin' i Nefia.

16 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nanazava ny raha-raha tamin' ny vahoaka ny mpitsara sy nihiaka mafy nanohitra an' i Nefia, nanao hoe: Indro, fantatsika fa ity Nefia ity dia tsy maintsy ho efa nifanaiky tamin' ny sasany mba hamono ny mpitsara, ary amin' izany dia ho azony ambara amintsika izany mba hahazoany mampiova ny fontsika ho amin' ny finoany, mba hahazoany manangana ny tenany ho lehilahy lehibe, nofinidin' Andriamanitra ary mpaminany.

17 Ary ankehitriny, indro, hofotorantsika ity lehilahy ity, ary hiaiky ny hadisoany izy sy hampahafantatra antsika ny tena namono io mpitsara io.

18 Ary ny zava-nitranga dia nafahana tamin' ny andron' ny fandevenana ireo dimy. Na dia teo aza izany, dia nandevilevy ny mpitsara izy ireo noho ny teny izay efa noteneniny hano-

herana an' i Nefia ka nifanditra tamin' ny tsirairay hany ka izy ireo dia nampangaihay azy.

19 Na dia teo aza izany, dia nasainy nalaina sy nafatotra ary nentina teo anoloan' ny valalabemandry i Nefia, ary izy ireo dia nanomboka nanontany azy tamin' ny fomba samihafa mba hahazoany mampifanohitra ny teniny mba hahazoany miam-panga azy ho faty —

20 Nanao taminy hoe: Ianao dia mpiray tsikombakomba; iza no lehilahy izay efa nanao ity famonoana ity? Ankehitriny lazao anay, ary miaike ny hadisoana; niteny hoe: Indro ny vola; ary avelanay aminao koa ny ainao raha milaza aminay ianao sy miaiky ny fifanekena izay efa nataonao taminy.

21 Nefa hoy i Nefia taminy: Ô, “adala ianareo, tsy voafora fo, jamba, ary olona ^bmafy hatoka, moa fantatrareo mandra-pahoviana ny Tompo Andriamanitrareo no hamela anareo handeha amin' izao lalan' ny fahotanareo izao?

22 Ô, ianareo dia tokony hanomboka hidradradradra sy “hitomany, noho ny famongorana lehibe izay miandry anareo amin' izao fotoana izao, raha tsy mibebaka ianareo.

23 Indro, milaza ianareo fa efa nifanaiky tamin' ny lehilahy iray aho mba hamonoany an' i Sezôrama lohan' ny mpitsaran-tsika. Nefa indro, lazaiko aminareo, fa izany dia satria efa nanambara taminareo aho mba

hahazoanareo mahafantatra ny momba izany zavatra izany; eny, ho vavolombelona aminareo mihitsy fa izaho dia nahalala ny amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay eo anivonareo.

24 Ary satria efa nataoko izany, dia milaza ianareo fa efa nifanaiky tamin' ny lehilahy iray aho mba hanaovany izao zavatra izao; eny, satria nasehoko anareo izao famantarana izao, dia tezitra amiko ianareo sy mikatsaka ny hamongotra ny aiko.

25 Ary ankehitriny, indro, haneho famantarana iray hafa aminareo aho, ary ho hitako raha hikatsaka ny hamongotra ahy ianareo amin' izany zavatra izany.

26 Indro lazaiko aminareo: Mandehana any an-tranon' i Seantoma izay "rahalahin' i Sezôrama ary lazao aminy —

27 Moa i Nefia, ilay mihambo ho mpaminany, izay mamina-ny zava-dratsy betsaka tokoa momba ity vahoaka ity efa nifanaiky taminao, ka tamin' izany no efa namonoanao an' i Sezôrama izay rahalahinao?

28 Ary indro, hilaza aminareo izy, Tsia.

29 Ary hilaza aminy ianareo hoe: Efa namono ny rahalahinao va ianao?

30 Ary hijoro amin-tahotra izy ary tsy hahita izay holazaina. Ary indro handà aminareo izy; ary mody hanao gaga izy; kanefa dia hambarany aminareo fa tsy manan-tsiny izy.

31 Nefa indro, hozahanareo izy, ary ho hitanareo ny ra amin' ny sisin-dambany.

32 Ary rehefa mahita izany ianareo, dia hilaza ianareo hoe: Avy taiza no niavian' ity ra ity? Tsy fantatsika va fa ran' ny rahalahinao ity?

33 Ary amin' izany izy dia han-govitra sy hivaloarika, miova tsy ny efa tonga taminy ny fahafatesana.

34 Ary amin' izany ianareo dia hilaza hoe: Noho izao tahotra izao izay efa tonga eo amin' ny tavanao izay mivaloarika izao, dia indro fantatray fa meloka ianao.

35 Ary amin' izany dia ho tonga aminy ny tahotra lehibe kokoa; ary amin' izany dia hiaiky aminareo izy ary tsy handà intsony fa izy no efa nanao izao vonoan' olona izao.

36 Ary amin' izany dia hilaza aminareo izy fa izaho Nefia dia tsy mahalala na inona na inona momba ilay toe-draharaha raha tsy nomena ahy izany tamin' ny herin' Andriamanitra. Ary ho fantatrareo amin' izany fa lehilahy marin-toetra sady irahin' Andriamanitra hankatỳ aminareo aho.

37 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ireo sy nanao araka ny efa nolazain' i Nefia taminy. Ary indro, ny teny izay efa nolazainy dia marina; fa nandà izy araka ny teny; ary niaiky koa izy araka ny teny.

38 Ary nentina izy hanaporofa fa izy tenany no tena namono,

hany ka nomena fahafahana ny dimy ary i Nefia koa.

39 Ary nisy ny sasany tamin' ny Nefita izay nino ny tenin' i Nefia; ary nisy ny sasany koa izay nino noho ny fanambaran' ireo dimy, satria efa niova fo izy ireo raha mbola tao am-ponja.

40 Ary ankehitriny dia nisy ny sasany teo anivon' ny vahoaka izay nilaza fa mpaminany i Nefia.

41 Ary nisy ny hafa izay nilaza: Indro, andriamanitra izy, fa raha tsy andriamanitra izy dia tsy ho afaka ny hahalala ny amin' ny zava-drehetra. Satria indro, efa niteny tamintsika ny fisaintsainan' ny fontsika izy, ary efa nilaza zavatra tamintsika koa; ary efa nentiny mihitsy ho fantatsika ny tena mpamono ny lohan' ny mpitsarantsika.

TOKO 10

Nomen' ny Tompo fahefana hifehy i Nefia—Nomem-pahefana izy hamatotra sy hamaha ety an-tany tahaka ny any an-danitra—Nandidy ny olona izy na hibe-baka na ho faty—Nitondra azy avy tamin' ny valalabemandry nankamin' ny valalabemandry ny Fanahy. Tokony ho 21–20 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nipoitra ny fizarazarana teo anivon' ny vahoaka, hany ka nizara ho tetsy sy teroa izy ary nandeha tamin' ny lalany, namela an' i

Nefia ho irery raha nijoro teo afovoany izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny lalany i Nefia nankany an-tranony, "nisaintsaina ny zavatra izay efa nasehon' ny Tompo taminy.

3 Ary ny zava-nitranga raha mbola nisaintsaina toy izany izy—rehefa nitanondrika fattratra noho ny faharatsian' ny vahoakan' ny Nefita, ny asany miafina ao amin' ny haizina sy ny famonoany olona, ary ny fandroban' ny fomban' ny heloka rehetra—ary ny zava-nitranga, raha mbola nisaintsaina toy izany tao am-pony izy, dia indro, tonga taminy ny feo nanao hoe:

4 Hotahiana ianao, ry Nefia, noho ireo zavatra izay efa natao-nao ireo, fa efa hitako, endrey "tsy sasatra ianao nanambara ny teny izay efa nomeko anao tamin' ity vahoaka ity. Ary tsy natahotra azy ianao sy tsy nikatsaka ny ^bainao samirery fa efa nikatsaka kosa ny ^dsitrapoko sy ny hitandrina ny didiko.

5 Ary ankehitriny, satria efa nanao izany ianao, tsy nitandro hasasarana, dia indro, Izaho hitahy anao mandrakizay; ary Izaho hanao anao ho mahery amin' ny teny sy amin' ny atao, amin' ny finoana sy amin' ny asa; eny, na dia ny ^azava-drehetra aza dia hatao aminao araka ny ^bteninao, fa ^dtsy hangataka izay mifanohitra amin' ny sitrapoko ianao.

10 2a TSM Misaintsaina.

4a TSM Fahazotoana.

b TSM Sorona.

d 3 Ne. 11:11.

5a 3 Ne. 18:20;

F&F 88:63–65.

b Enôsa 1:12.

d 2 Ne. 4:35;

F&F 46:30.

6 Indro, ianao no Nefia ary Izaho no Andriamanitra. Indro, Izaho manambara izao aminao eo anatrehan' ny anjeliko fa hanam-pahefana amin' ity vahoaka ity ianao, ka hamely ny tany amin' ny "mosary sy amin' ny areti-mandringana ary ny famongorana araka ny faharatsian' ity vahoaka ity.

7 Indro, Izaho manome fahefana anao, ka na inona na inona "hofehezinao etỳ an-tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona hovahanao etỳ an-tany dia hovahana any an-danitra; ary dia toy izany no hanananao fahefana eo anivon' ity vahoaka ity.

8 Ary dia toy izany, raha milaza amin' ity tempoly ity ianao mba hizarany roa, dia ho to izany.

9 Ary raha milaza amin' ity "tendrombohitra ity ianao, Aoka ianao handrorona ary hanjary marin-tampona, dia ho to izany.

10 Ary indro, raha milaza ianao fa hamely ity vahoaka ity Andriamanitra, dia hitranga izany.

11 Ary ankehitriny, indro, Iza-ho mandidy anao handehana-nao sy hanambaranao amin' ity vahoaka ity fa izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha: Raha tsy mibebaka ianareo dia hokapohina, na dia hatrany amin' ny "famongorana aza.

12 Ary indro, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny

ireo teny ireo tamin' i Nefia ny Tompo, dia nijanona izy ary tsy nandeha nankany an-tranony fa niverina kosa nankany amin' ny valalabemandry izay niely patrana eran' ny lafin-tany sy nanomboka nanambara taminy ny tenin' ny Tompo izay efa nolazaina taminy momba ny famongorana azy raha tsy mibebaka izy.

13 Ankehitriny indro, na dia teo aza izany fahagagana lehibe izay efa nataon' i Nefia izany, tamin' ny filazana taminy ny momba ny fahafatesan' ny lohan' ny mpitsara, dia nana-mafy ny fony izy ary tsy nihaino ny tenin' ny Tompo.

14 Koa i Nefia dia nanambara taminy ny tenin' ny Tompo, nanao hoe: Raha tsy mibebaka ianareo, dia izao no lazain' ny Tompo, hokapohina ianareo na dia hatrany amin' ny famongorana aza.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nanambara ny teny taminy i Nefia, dia indro, mbola nohamafisiny ny fony sy tsy tiany hohenoina ny teniny; koa novingavingainy izy sy notadiaviny ny haninjitra ny tanany taminy mba hahazoany manipy azy any am-ponja.

16 Nefa indro, niaraka taminy ny herin' Andriamanitra, ary izy ireo dia tsy afaka naka azy mba hanipy azy any am-ponja, satria nalain' ny Fanahy izy sy nentiny niala avy teo afovoany.

17 Ary ny zava-nitranga dia

6a Hel. 11:4–18.

7a Mat. 16:19.

TSM Famehezana.

9a Mat. 17:20;

Jakôba 4:6;

Môrm. 8:24;

Etera 12:30.

11a Hel. 5:2.

toy izany no nandehanany tao amin' ny Fanahy, avy tamin' ny valalabemandry nankamin' ny valalabemandry, nanambara ny tenin' Andriamanitra mandrapanambarany izany tamin' izy rehetra, na nandefa izany tany anivon' ny vahoaka manontolo.

18 Ary ny zava-nitranga dia tsy tiany hohenoina ny teniny; ary nanomboka nisy ny fifandirana, hany ka nizarazara izy samy izy ary nanomboka nifamono tamin' ny sabatra izy samy izy.

19 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby fitopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 11

Noresen' i Nefia lahatra ny Tompo mba hanolo ny adiny ho mosary—Maro ny olona maty—Nibebaka izy, ary nitalaho orana tamin' ny Tompo i Nefia—Nandray fanambarana maro i Nefia sy i Lehia—Niorim-paka teo amin' ny tany ny jirik' i Gadiantôna. Tokony ho 20–6 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona faharoa amby fitopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nitombo ny fifandirana, hany ka nisy ady eran' ny tany manontolo tany anivon' ny vahoakan' ny Nefia rehetra.

2 Ary io “andiana jirika io no nanatontosa ity asan' ny fandrahana sy ny faharatsiana ity. Ary

izany ady izany dia naharitra mandavantaona; ary tamin' ny taona fahatelo amby fitopolo dia naharitra koa izany.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, dia nitalaho tamin' ny Tompo i Nefia, na-nao hoe:

4 Tompo ô, aza avela ho fongana amin' ny sabatra ity vahoaka ity; fa aleo kosa Tompo ô hisy ny “mosary eo amin' ny tany mba hanairana azy ho amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny, ary angamba hibe-baka izy sy hitodika Aminao.

5 Ary dia to izany, araka ny tenin' i Nefia. Ary nisy mosary lehibe teo amin' ny tany, tany anivon' ny vahoakan' i Nefia manontolo. Ary dia toy izany no nitohizan' ny mosary tamin' ny taona fahefatra amby fitopolo, ary ny asan' ny famongorana tamin' ny sabatra dia nitsahatra, fa nanjary nangidy kosa izany tamin' ny mosary.

6 Ary izany asan' ny famongorana izany dia nitohy koa tamin' ny taona fahadimy amby fitopolo. Fa nokapohana ny tany ka dia maina izany sy tsy namokatra voa tamin' ny fotoan' ny voa; ary nokapohana ny tany manontolo, tany anivon' ny Lamanita tahaka ny tany anivon' ny Nefita, dia nokapohana izy ireo ka an' arivony no maty tany amin' ny faritry ny tany ratsy indrindra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny vahoaka fa efa akaiky ho fatin' ny mosary izy, ary nanom-

boka “nahatsiaro ny Tompo Andriamaniny izy; ary nanomboka nahatsiaro ny tenin’ i Nefia izy.

8 Ary ny vahoaka dia nanomboka niangavy ny lohan’ ny mpitsarany sy ny mpitondra azy mba hilazany amin’ i Nefia hoe: Indro, fantatray fa lehilahin’ Andriamanitra ianao, ary noho izany dia mitalahoa amin’ ny Tompo Andriamanitsika mba hanodinany ity mosary ity hiala amintsika, fandrao ny “teny rehetra izay efa noteneninao momba ny famongorana anay dia ho tanteraka.

9 Ary ny zava-nitranga dia nilaza tamin’ i Nefia ny mpitsara, araka ny teny izay efa niriana. Ary ny zava-nitranga, nony nahita i Nefia fa efa nibebaka ny vahoaka sy nanetry ny tenany tamin’ ny lamba fisaonana, dia niantso indray ny Tompo izy, nanao hoe:

10 Tompo ô, indro mibebaka ity vahoaka ity; ary efa nofafana hiala avy teo anivony ny tarik’ i Gadiantôna, hany ka efa zary fongana ireo, ary efa naleviny tao anaty tany ny drafiny miafina.

11 Ankehitriny, Tompo ô, noho izao fanetren-tenany izao dia ianao anie hanodina ny fahatezeranao, ary aoka ny fahatezeranao ho tony amin’ ny famongorana ireo olon-dratsy izay efa nofongoranao sahady.

12 Tompo ô, ianao anie hanodina ny fahatezeranao, eny, ny fahatezeranao mirehitra sy hanao izay hampitsahatra ity mosary ity amin’ ny tany.

13 Tompo ô, ianao anie hihaino ahy sy hanao izay hahatanteraka izany araka ny teniko ary handrotsaka “orana ambonin’ ny tany hahazoany mamokatra ny voankazony sy ny voany amin’ ny fotoan’ ny voa.

14 Tompo ô, ianao dia nihaino ny “teniko fony aho nilaza hoe: Aoka hisy ny mosary mba hahazoan’ ny fandranganana amin’ ny sabatra mitsahatra; ary fantatro fa ianao, na dia amin’ izao fotoana izao aza, dia mihaino ny teniko, satria ianao no nilaza fa: Raha mibebaka ity vahoaka ity dia hitsimbina azy Aho.

15 Eny, Tompo ô, ary hitanao fa efa nibebaka izy, noho ny mosary sy ny areti-mandringana ary ny famongorana izay efa tonga taminy.

16 Ary ankehitriny, Tompo ô, ianao anie hanodina ny fahatezeranao sy hizaha indray raha hanompo Anao izy? Ary raha izany, Tompo ô, dia afaka mita-hy azy ianao araka ny teninao izay efa nolazainao.

17 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny taona fahenina amby fitopolo, dia nahodin’ ny Tompo hiala tamin’ ny vahoaka ny fahatezerany, ary nataony izay hirotsahan’ ny “orana tamin’ ny tany, hany ka dia namoa ny voankazony izany tamin’ ny fotoan’ ny voankazony. Ary ny zava-nitranga dia namoa ny voany izany tamin’ ny fotoan’ ny voany.

18 Ary indro, nifaly ny vahoaka ary nankalaza an’ Andriamani-

tra, ary ny lafin-tany manontolo dia heniky ny hafaliana; ary tsy nokatsahiny intsony ny hamongotra an' i Nefia, fa noheveriny kosa ho toy ny "mpaminany lehibe sy lehilahin' Andriamanitra izy manana ny hery lehibe sy ny fahefana nomena azy avy tamin' Andriamanitra.

19 Ary indro, i Lehia, rahalahiny, dia tsy "latsa-danja noho izy raha ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

20 Ary arak' izany, ny zava-nitranga dia nanomboka nirobo-robo indray teo amin' ny tany ny vahoakan' i Nefia sy nanomboka nanarina ny toerany rava ary nanomboka nitombo sy niely patrana mandra-pamenony ny lafin-tany manontolo, na tao andafiavaratra na tao andafiatsimo, hatrany amin' ny ranomasina andrefana ka hatrany amin' ny ranomasina atsinanana.

21 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahenina amby fitopolo. Ary nanomboka tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahafito amby fitopolo; ary ny "fiangonana dia niely patrana eran' ny lafin' ny tany manontolo; ary ny ankamaroan' ny olona, na Nefita na Lamanita, dia isan' ny fiangonana; ary nanana fandriampahalemana izaitsizy tokoa teo amin' ny tany izy; ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito amby fitopolo.

22 Ary nanana fandriampahalemana koa izy tamin' ny taona

fahavalo amby fitopolo, raha tsy teo ny fifandirana vitsy momba ny lafiny amin' ny fotopampianarana izay efa napetraky ny mpaminany.

23 Ary tamin' ny taona fahasi-vy amby fitopolo dia nanomboka nisy ny fifamaliana be. Nefa ny zava-nitranga dia i Nefia sy i Lehia ary ny maro tamin' ny rahalahiny izay nahalala ny momba ny lafiny marina amin' ny fotopampianarana, dia nanana "fanambarana maro isan' andro, koa nitory tamin' ny vahoaka izy ireo, hany ka nasiany farany ny fifamaliany tamin' izay taona izay ihany.

24 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahavalopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nisy ny mpiendaka sasany avy tamin' ny vahoakan' i Nefia, izay efa lasana tany amin' ny Lamanita taona vitsivitsy lasa sy efa nitondra ny anaran' ny Lamanita, ary ny sasany koa izay tena tamingan' ny Lamanita, izay novokisan' izy ireo na ireo mpiendaka ireo ho tezitra noho izany dia natombony ny ady tamin' ny rahalahiny.

25 Ary izy ireo dia nahavita vonoan' olona sy fandrovana; ary rehefa izany dia nisintona niverina tany an-tendrombohitra sy tany an-tany foana, ary tany amin' ny toerana mifafina izy ireo, nanafina ny tenany mba tsy hahitana azy ireo, nandray isan' andro ho fanampin' ny isany, satria nisy ny mpien-

daka izay nandeha nankany aminy.

26 Ary dia toy izany, araka ny fotoana, eny, na dia tao anatin' ny taona tsy dia maro aza no nahatonga azy ireo ho andiana jirika lehibe izaitsizy tokoa; ary izy ireo dia nikaroka ny drafitra miafin' i Gadiantôna rehetra; ary dia toy izany no nahatonga azy ireo ho jirik' i Gadiantôna.

27 Ankehitriny, indro, ireo jirika ireo dia nanao fanimbana betsaka, eny, dia fandravana lehibe teo anivon' ny vahoakan' i Nefia ary koa teo anivon' ny vahoakan' ny Lamanita.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nilaina ny hanisiana farany izany asan' ny fandravana izany; koa nalefany ny vata-miaramila matanjaka nankany an-tany foana sy tany antendrombohitra mba hika-roka ity andiana jirika ity sy hamongotra azy.

29 Saingy indro, ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany ihany, dia voatosika hiverina any amin' ny taniny ihany izy ireo. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

30 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahiraika amby valopolo dia nandeha indray ireo hanohitra ity andiana jirika ity, sy nandringana maro; ary nianjadian' ny fandranganana be koa izy ireo.

31 Ary voatery indray izy ireo hiverina avy tany an-tany foana sy avy tany an-tendrombohitra

hankany amin' ny taniny ihany, noho ny halehibeazan' ny isan' ireo mpangalatra ireo izaitsizy, izay nanenika ny tendrombohitra sy ny tany foana.

32 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifaranan' izany taona izany. Ary ny jirika dia mbola nitombo sy nihanatanjaka, hany ka nohantsiany ny miaramilan' ny Nefita manontolo, ary koa ny an' ny Lamanita; ary nataony izay hahatongavan' ny tahotra tamin' ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

33 Eny, fa izy ireo dia namangy ny faritra maro tamin' ny tany sy nanao fandravana lehibe tamin' ireny; eny, namono ny maro sy nitondra ny hafa ho babo nankany an-tany foana, eny, ary indrindra indrindra ireo vadiny sy zanany.

34 Ankehitriny, izao antambo lehibe izao izay tonga tamin' ny vahoaka noho ny helony dia nanaitra azy indray ho amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny.

35 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

36 Ary tamin' ny taona faharoa amby valopolo dia nanomboka indray "nanadino ny Tompo Andriamaniny izy. Ary tamin' ny taona fahatelo amby valopolo dia nanomboka ho nihanahery tao amin' ny heloka izy. Ary tamin' ny taona fahefatra amby valopolo dia tsy nanitsy ny lalany izy.

37 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahadimy amby valopolo, dia nihanahery hatrany hatrany izy tao amin' ny fiavonavonany sy tao amin' ny faharatsiany; ary dia toy izany no nahamasaka azy indray ho amin' ny famongorana.

38 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimy amby valopolo.

TOKO 12

Tsy mahatombin-tsiraka sy adala ary mailaka amin' ny fanaovan-dratsy ny olona—Nofaizin' ny Tompo ny olony. Nampitahaina ny herin' Andriamanitra sy ny mahatsinontsinona ny olona—Amin' ny andron' ny fitsarana, ny olona dia hahazo ny fiainana maharitra mandrakizay na ny fanamelohana maharitra mandrakizay. Tokony ho 6 talohan' i j.k.

ARY dia toy izany no ahafahantsika mahita ny mahadiso, ary koa ny tsy fitombenan' ny fon' ny zanak' olombelona; eny, ahafahantsika mahita fa ny Tompo, ao amin' ny hatsarany lehibe tsi-sy fetra, dia mitahy sy "mampiroborobo ireo izay mametraka ny ^bfitokiany Aminy.

2 Eny, sy ahazoantsika mahita fa amin' ny fotoana indrindra izay ampiroboroboany ny olony, eny, amin' ny fampitomboana ny sahany, ny biby fiompiny, ary

amin' ny volamena sy amin' ny volafotsy ary amin' izay rehetra mety ho zava-tsarobidy isankarazany sy zava-kanto; ny fitsimbinana ny ainy sy ny fanafahana azy hiala eo an-tanan' ny fahavalony; ny fanalefahana ny fon' ny fahavalony mba tsy hamakiany ady aminy; eny, ary raha fintinina, ny fanaovana ny zava-drehetra ho fiadanana sy ho fahasambaran' ny olony; eny, dia amin' izay fotoana izay no "anamafisany ny fony sy anadinoany ny Tompo Andriamaniny ary ^banosihoseny amin' ny tongony ny Iray Masina—eny, ary izany dia noho ny fiadanany sy ny firoboroboany lehibe izaitsizy tokoa.

3 Ary dia toy izany no ahitan-tsika fa raha tsy "manafay ny olony amin' ny fahorianana maro ny Tompo, eny, raha tsy mamangy azy amin' ny fahafatesana sy amin' ny horohoro, ary amin' ny mosary sy amin' ny karazan' areti-mandringana rehetra Izy, dia tsy ^bhahatsiaro Azy izy.

4 Ô adala erỳ sy tsinontsinona erỳ ary ratsy erỳ, ary devoly toetra erỳ sy "mailaka erỳ hanao heloka ary mitaredretra erỳ ny hanao ny tsara ny zanak' olombelona; eny, mailaka erỳ ny haino ny tenin' ilay ratsy sy ny hametraka ny ^bfony amin' ny zava-poanan' izao tontolo izao!

5 Eny, mailaka erỳ ny ho tafa-

12 1a 2 Tan. 26:5;

Sal. 1:2–3.

b Sal. 36:7–8;

2 Ne. 22:2;

Môsà 4:6.

TSM Matoky.

2a TSM Apôstazia.

b Almà 5:53;

3 Ne. 28:35.

3a Môsà 23:21;

F&F 98:21; 101:8.

b Amo. 4:6–11.

4a Eks. 32:8.

b Mat. 15:19;

Heb. 3:12.

sondrotra ao amin' ny "fiavonavonana; eny mailaka erỳ ny hirehaka sy hanao ny fomba rehetra izay meloka; ary mitaredretra erỳ ny hahatsiaro ny Tompo Andriamaniny sy ny hampandry sofina amin' ny toroheviny, eny, mitaredretra erỳ ny ^bhandeha amin' ny lalan' ny fahendrena!

6 Indro, tsy iriany ny Tompo Andriamaniny izay efa "nahary azy mba ^bhanapaka sy hanjaka aminy; na dia eo aza ny hatsarany lehibe sy ny famindrampony taminy, dia ataony tsinontsinona ny toroheviny ary tsy tiany ny hanana Azy ho mpitari-dalana azy.

7 Ô lehibe erỳ ny "mahatsinontsinona ny zanak' olombelona; eny, izy dia ambany noho ny vovoky ny tany.

8 Fa indro, ny vovoky ny tany dia mihetsika manketsy sy mankeroa, misaratsaraka noho ny didin' ny Andriamanitsika lehibe sy maharitra mandrakizay.

9 Eny, indro noho ny feony ny havoana sy ny tendrombohitra dia mangovitra sy "mihorohoro.

10 Ary noho ny "herin' ny feony dia montsana ireny ary zary milamaka, eny, dia tahaka ny lohasaha.

11 Eny, noho ny herin' ny feony ny "tany manontolo dia mihorohoro;

12 Eny, noho ny herin' ny

feony ny fototra dia miraika, na dia hatrany amin' ny ivony aza.

13 Eny, raha hoy Izy amin' ny tany—Mifindrà—dia afindra izany.

14 Eny, raha hoy Izy amin' ny "tany—Ianao dia ^bhandeha mianotra mba ^dhanalava ny andro mandritra ny ora maro—dia atao izany;

15 Ary dia toy izany, araka ny teniny no andehanan' ny tany mianotra, ary manjary toy ny tsy mihetsika ny masoandro amin' ny olona; eny, ary indro, izany no izy; satria marina tokoa fa ny tany no mihetsika fa tsy ny masoandro.

16 Ary indro, koa, raha milaza amin' ny "ranon' ny hantsana lehibe Izy—^bAoka ianao ho maina—dia atao izany.

17 Indro, raha hoy Izy amin' ity tendrombohitra ity—Aoka ianao hiainga sy "hanatona ary hianjera amin' ity tanàna ity mba halevina izany—dia indro atao izany.

18 Ary indro, raha "manafina harena ao anaty tany ny olona iray ary hoy ny Tompo—Aoka ho ^bvoaozona izany, noho ny helok' ilay efa nanafina izany—indro, izany dia ho voaozona.

19 Ary raha hoy ny Tompo—Aoka ianao ho voaozona, ka tsy hisy olona hahita anao hatramin' izao fotoana izao ary ho

5a Ohab. 29:23.

TSM Fiavonavonana.

^b TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

6a Isa. 45:9; F&F 58:30;
Mos. 7:32–33.

^b F&F 60:4.

7a Isa. 40:15, 17;

Môsà 4:19; Mos. 1:10.

9a 3 Ne. 22:10.

10a 1 Ne. 17:46.

11a Môrm. 5:23; Etera 4:9.

14a Jos. 10:12–14.

^b Isa. 38:7–8.

^d 2 Mpan. 20:8–11.

16a Mat. 8:27.

^b Isa. 44:27; 51:10.

17a 3 Ne. 8:10.

18a Môrm. 1:18; Etera 14:1.

^b Hel. 13:17.

mandrakizay—indro, tsy hisy olona hahazo izany hatramin' izao ka ho mandrakizay.

20 Ary indro, raha hoy ny Tompo amin' ny olona iray—Noho ny helokao, dia ho voazona mandrakizay ianao—dia hatao izany.

21 Ary raha hoy ny Tompo—Noho ny helokao dia hoesorina hiala eo anatrehako ianao—Izy dia hanao izay hahatò izany.

22 Ary lozan' izay hilazany izany, fa izany dia ho to amin' izay hanao heloka, ary tsy azo vonjena izy; koa, noho izany antony izany mba hahazoana mamonjy ny olona no efa nambarana ny fibebahana.

23 Noho izany dia hotahiana ireo izay mibebaka sy mihaino ny feon' ny Tompo Andriamaniny; fa izy ireo no ireo izay "hovanjena.

24 Ary enga anie ka hotovin' Andriamanitra, ao amin' ny fahafenoany lehibe ny hahazoana mitondra ny olona mankamin' ny fibebahana sy ny asa tsara mba hahazoana mamerina aminy fahasoavana ho solon' ny "fahasoavana, araka ny asany.

25 Ary mba tiako ny hahazoana mamonjy ny olona rehetra. Nefa vakintsika fa amin' ny andro lehibe sady farany dia misy ny sasany izay hatsipy any ivelany, eny, izay hoesorina hiala avy eo anatrehan' ny Tompo;

26 Eny, izay hahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy fiarany hahatanteraka ny teny

izay milaza hoe: Ireo izay efa nanao ny tsara no hanana ny "fiainana maharitra mandrakizay; ary ireo izay efa nanao ny ratsy no hanana ny ^bfamelohana maharitra mandrakizay. Ary dia toy izany no izy. Amena.

Ny faminanian' i Samoela ilay Lamanita tamin' ny Nefita.

Mahafaoka ny toko 13 ka hatramin' ny 15 manontolo.

TOKO 13

I Samoela ilay Lamanita dia naminany ny famongorana ny Nefita raha tsy mibebaka izy—Nozonina izy sy ny haren'—Nitsipaka sy nitora-bato ny mpaminany izy, notemerin' ny devoly manodidina, ary nikatsaka ny fahasambara tamin' ny fanaovana heloka. Toko ny ho 6 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby valopolo, dia mbola nitotra tao amin' ny faharatsiana ny Nefita, eny, tao amin' ny faharatsiana lehibe, raha niezaka mafy tokoa ny "Lamanita mba hitandrina ny didin' Andriamanitra, araka ny lalàn' i Mosesy.

2 Ary ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay, dia nisy izany Samoela izany izay Lamanita, tonga tao an-tanin' i Zarahemlà, ary nanomboka nitory tamin' ny vahoaka. Ary ny zava-nitranga dia nitory fibebahana tamin'

23a TSM Famonjena.
24a TSM Fahasoavana.
26a Mat. 25:46;

Jao. 5:28–29;
Roma. 6:13.
b TSM Fahamelohana.

13 1a Hel. 15:4–5.

ny vahoaka izy, nandritra ny andro maromaro, ary natsipiny tany ivelany izy, ary efa saika hiverina any amin' ny taniny ihany izy.

3 Nefa indro, tonga taminy ny feon' ny Tompo fa tokony hiverina indray izy sy haminany amin' ny vahoaka na inona na inona zavatra ho tonga ao "am-pony.

4 Ary ny zava-nitranga dia tsy navelany ny hidirany ao antanàna; koa nandeha izy ary niakatra teo amin' ny mandany, ary naninjitra ny tanany sy nihiaka tamin' ny feo mahery, ary naminany tamin' ny vahoaka na inona na inona zavatra nape-traky ny Tompo tao am-pony.

5 Ary hoy izy taminy: Indro, izaho, Samoela Lamanita no miteny ny tenin' ny Tompo izay apetrany ao am-poko; ary indro efa napetrany tao am-poko izany mba hilaza amin' ity vahoaka ity fa ny "sabatra ny fahamari-nana dia mihantona eo ambonin' ity vahoaka ity; ary tsy ho lasa ny efajato taona mialohan' ny hianjeran' ny sabatra ny fahamarinana amin' ity vahoaka ity.

6 Eny, "famongorana lehibe no miandry ity vahoaka ity, ary ho tonga marina tokoa amin' ity vahoaka ity izany, ary tsy misy na inona na inona afaka mamonjy ity vahoaka ity afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo izay ho

avy marina tokoa eo amin' izao tontolo izao, sy hiaritra zavatra maro ary hovanoina ho an' ity vahoaka ity.

7 Ary indro, ny "anjin' ny Tompo no efa nanambara izany tamiko, ary izy dia nitondra ^bvaovao mahafaly ho an' ny fanahiko. Ary indro, nirahina ho atỳ aminareo aho mba hanambara izany aminareo koa mba hahazoanareo manana vaovao mahafaly; nefa indro tsy te handray ahy ianareo.

8 Koa, izao no lazain' ny Tompo: Noho ny hamafin' ny fon' ny vahoakan' ny Nefita, raha tsy mibebaka izy dia hotsolahako hiala aminy ny teniko ary "hoesoriko hiala aminy ny Fanahiko, ary tsy hiaritra azy intsony Aho ary hahodiko ny fon' ny rahalahiny hanohitra azy.

9 Ary tsy ho lasa ny "efajato taona mialohan' ny hanaovako izay hikapohana azy; eny, Izaho hamangy azy amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana.

10 Eny, Izaho hamangy azy ao amin' ny fahatezerako mirehitra, ary hisy ireo avy amin' ny "taranaka fahefatra ny fahavalonareo, izay ho velona mba hahita ny famongorana tanteraka anareo; ary ho tonga marina tokoa izany raha tsy mibebaka ianareo, hoy ny Tompo; ary ireo avy amin' ny taranaka fahefatra no hamangy anareo amin' ny fandranganana anareo.

3a F&F 100:5.
5a Almà 60:29;
3 Ne. 2:19.
6a Almà 45:10–14;

Hel. 15:17.
7a Almà 13:26.
^b Isa. 52:7.
8a Hel. 6:35.

9a Almà 45:10–12.
10a 1 Ne. 12:12;
2 Ne. 26:9;
3 Ne. 27:32.

11 Nefa raha mibebaka ianareo ary “miverina amin’ ny Tompo Andriamanitrareo, dia hahodiko ny fahatezerako, hoy ny Tompo; eny, izao no lazain’ ny Tompo, hotahiana izay mibebaka sy mitodika Amiko, fa lozan’ izay tsy mibebaka kosa.

12 Eny, “lozan’ ity tanàna lehiben’ i Zarahemlà ity; fa indro, noho ireo izay marina dia vonjena izy; eny, lozan’ ity tanàna lehibe ity, satria takatro, hoy ny Tompo, fa misy maro, eny, na dia ny ankamaroany ao amin’ ity tanàna lehibe ity aza no hanamafy ny fony Amiko, hoy ny Tompo.

13 Nefa hotahiana ireo izay mibebaka fa hotsimbiniko izy. Nefa indro, raha tsy noho ny marina izay ao amin’ ity tanàna lehibe ity, dia indro, ho efa nataoko izay hidinan’ ny “afo avy any an-danitra ka handrava azy.

14 Nefa indro, noho ny amin’ ny marina dia tsimbinina izy. Nefa indro, tonga ny fotoana, hoy ny Tompo, ka rehefa handroaka ny marina avy ao anivonareo ianareo, amin’ izay ianareo dia masaka ho amin’ ny famongorana; eny, lozan’ ity tanàna lehibe ity, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

15 Eny, ary lozan’ ny tanànan’ i Gideôna, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

16 Eny, ary lozan’ ny tanàna

rehetra izay ao amin’ ny tany manodidina, izay zakain’ ny Nefita, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

17 Ary indro, ho tonga amin’ ny tany ny “ozona, hoy ny Tompon’ ny Maro, noho ny amin’ ny olona izay eo amin’ ny tany, eny, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

18 Ary ny zavatra hitranga hoy ny Tompon’ ny Maro, eny, ny Andriamanitsika lehibe sy marina, dia na zovy na zovy no “hanafina harena ao anaty tany dia tsy hahita izany intsony, noho ny ozona lehibe amin’ ny tany, raha tsy olo-marina izy sy hanafina izany ao amin’ ny Tompo.

19 Fa tiako, hoy ny Tompo, ny hanafenany ny harenny ao Amiko; ary voaozona ireo izay tsy manafina ny harenny ao Amiko; fa tsy misy manafina ny harenny ao Amiko afa-tsy ny marina; ary izay tsy manafina ny harenny ao Amiko, dia voaozona izy, ary koa ny harenny, ary tsy hisy hanavotra izany noho ny ozona amin’ ny tany.

20 Ary ho avy ny andro izay hanafenany ny harenny, satria efa nametraka ny fony tamin’ ny harena izy; ary satria efa nametraka ny fony tamin’ ny harenny izy sy hanafina ny harenny rehefa handositra eo anoloan’ ny fahavalony; satria tsy hanafina izany ao Amiko izy dia voaozona izy ary koa ny harenny; ary amin’

11a 3 Ne. 10:5–7.

12a 3 Ne. 8:8, 24; 9:3.

13a Gen. 19:24;

2 Mpan. 1:9–16;

3 Ne. 9:11.

17a Hel. 12:18.

18a Môrm. 1:18;

Etera 14:1.

izay andro izay dia hokapohina izy, hoy ny Tompo.

21 Indro ianareo, mponin' ity tanàna lehibe ity, “mihainoa ny teniko; eny, mihainoa ny teny izay lazain' ny Tompo; fa indro, hoy izy, voaozona ianareo noho ny harenareo, ary koa ny harenareo dia voaozona, satria ianareo dia efa nametraka ny fonareo tamin' ireny ary tsy nihaino ny tenin' Ilay nanome ireny anareo.

22 Tsy mahatsiaro ny Tompo Andriamanitrareo ianareo amin' ny zavatra izay efa nitahiany anareo, nefa ianareo dia mahatsiaro mandrakariva ny “harenareo, saingy tsy ho fisaorana ny Tompo Andriamanitrareo noho ireny; eny, tsy voasintona ho an' ny Tompo ny fonareo fa mizihitry ny ^bfiavonavonana lehibe kosa, hatrany amin' ny fireharehana sy hatrany amin' ny fihazirana lehibe, ny “fialonana, ny fifandrafiana, ny hasomparana, ny fanenjehana sy ny vonoan' olona ary ny fomban' ny heloka rehetra.

23 Noho izany antony izany dia efa nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hahatonga ny ozona amin' ny tany ary koa amin' ny harenareo, ary izany dia noho ny helokareo.

24 Eny lozan' ity vahoaka ity noho izany fotoana izany izay efa tonga, izay “androahanareo ny mpaminany, sy anesoanareo

azy ireny, ary itorahanareo vato azy ireny, sy amonoanareo azy ireny, ary anaovanareo ny fomban' ny heloka rehetra amin' izy ireny, dia tahaka ny nataon' ireo tamin' ny fahagolan-tany.

25 Ary ankehitriny rehefa miresaka ianareo, dia hoy ianareo: Raha mba tamin' ny andron' ny “razanay fahiny ny andronay, dia tsy ho namono ny mpaminany izahay; tsy ho nitora-bato azy ireny izahay sy tsy ho nandroaka azy ireny.

26 Indro ianareo dia ratsy koa noho izy ireo; fa raha velona koa ny Tompo, raha tonga any anivonareo ny “mpaminany iray sy manambara aminareo ny tenin' ny Tompo, izay manambara ny amin' ny fahotanareo sy ny helokareo, dia ^btezitra aminy ianareo sy mandroaka azy any ivelany ary mikatsaka ny fomba rehetra hamongorana azy; eny, hilaza ianareo fa “mpaminany sandoka izy sy mpanota ary avy amin' ny devoly, satria “ambarany fa ny ataonareo dia ratsy.

27 Nefa indro, raha ho tonga any anivonareo ny olona iray sy hilaza hoe: Ataovy izao, ary tsy misy heloka; ataovy izao ary tsy hijaly ianareo; eny, hilaza izy hoe: Mandehana araka ny avonon' ny fonareo ihany; eny, mandehana araka ny avonon' ny masonareo ary ataovy izay rehetra irian' ny fonareo — ary

21a TSM Mihaino.

22a Lio. 12:34.

TSM Harena; Rehak'

Izao Tontolo Izao.

b TSM Fiavonavonana.

d TSM Mialona.

24a 2 Tan. 36:15–16;

1 Ne. 1:20.

25a Asa 7:51.

26a 2 Tan. 18:7; Lio. 16:31.

b Isa. 30:9–10.

d Mat. 13:57.

e Gal. 4:16.

raha ho tonga any anivonareo ny olona iray ka hilaza izany, dia horaisinareo izy sy holazainareo fa “mpaminany.

28 Eny, hanandratra azy ianareo, sy hanome azy amin’ ny fanananareo; hanome azy amin’ ny volamenanareo sy amin’ ny volafotsinareo ianareo ary hampiakanjo azy fitafiana lafo vidy; ary satria manao “teny manasohaso aminareo izy sy milaza fa mandry ny rehetra, amin’ izany ianareo dia tsy hahita hadisoana aminy.

29 Ô ianareo taranaka maditra sy mpamadika; ianareo vahoaka mafy fo sy henja-katoka, mandra-pahoviana no hiheveranareo fa hiaretan’ ny Tompo anareo? Eny, mandra-pahoviana no hamelanareo ny tenanareo hotarihin’ ny mpitarika “adala sy ^bjamba? Eny, mandra-pahoviana no “hifidiananareo ny haizina toy izay ny “hazavana?

30 Eny, indro, ny fahatezeran’ ny Tompo dia mirehitra sahady aminareo; indro, efa nanozona ny tany Izy noho ny helokareo.

31 Ary indro, tonga ny fotoana izay anozonany ny harenareo, ka zary “malama ireny, ka tsy afaka mihazona ireny ianareo; ary amin’ ny andron’ ny fahantranareo dia tsy afaka mitana ireny ianareo.

32 Ary amin’ ny andron’ ny fahantranareo dia hitalaho amin’ ny Tompo ianareo; ary ho very maina ny fitalahoanareo, satria

mby eo aminareo sahady ny faharavanareo ary azo antoka ny famongorana anareo; ary amin’ izay dia hitomany sy hidradradradra ianareo amin’ izany andro izany, hoy ny Tompon’ ny Maro. Ary amin’ izany dia hitoloko ianareo sy hilaza hoe:

33 Ô “inay aho nibebaka sy tsy namono ny mpaminany, na ^bnitora-bato azy ireny, na nandroaka azy ireny tany ivelany. Eny, amin’ izany andro izany ianareo dia hilaza hoe: Ô inay izahay nahatsiaro ny Tompo Andriamanitray tamin’ ny andro izay nanomezany anay ny harenay, ary tamin’ izany dia tsy ho nalama ireny ka ho nafoinay; fa indro ny harenay dia lasana niala taminay.

34 Indro, apetrakay eto ny fitaovana iray ary ny ampitso dia lasana izany; ary indro, esorina aminay ny sabatray amin’ ny andro nitadiavanay azy ho amin’ ny ady.

35 Eny, efa nanafina ny harenay izahay ary dia efa nikororosy niala taminay ireny, noho ny ozona tamin’ ny tany.

36 Ô inay izahay nibebaka tamin’ ny andro nahatongavan’ ny tenin’ ny Tompo taminay; fa indro voaozona ny tany ary ny zavatra rehetra dia zary malama, ary tsy afaka mihazona ireny izahay.

37 Indro, izahay dia hodidinin’ ny devoly, eny, voatemitry ny anjelin’ ilay efa nikatsaka ny ha-

27a Mika 2:11.
TSM Komiberaky ny
Mpisorona.
28a 2 Tim. 4:3–4.

29a 2 Ne. 28:9.
b Mat. 15:14.
d Jao. 3:19.
e Joba 24:13.

31a Môrm. 1:17–18.
33a Môrm. 2:10–15.
b Mat. 23:37.

mongotra ny fanahinay izahay. Indro lehibe ny helokay. Tompo ô, tsy afaka va lanao hampihodina ny fahatezeranao hiala aminay? Ary dia izany no ho teninareo amin' izany andro izany.

38 Nefa indro, ny “andron’ ny fizahan-toetra anareo dia efa lasana; efa ^bnahemotrareo ny andron’ ny famonjena anareo mandra-pahatongan’ izany ho tratra aoriana mandrakizay tokoa, ary ny famongorana anareo dia azo antoka; eny, fa efa nikatsaka nandritra ny andrompiainanareo ianareo izay tsy nety ho azonareo; ary efa nika-tsaka ny “fahasambarana ianareo tamin’ ny fanaovana heloka izay zavatra mifanohitra amin’ ny toetran’ ity fahamarinana ity izay ao amin’ ny Filohantsika lehibe sy mandrakizay.

39 Ô ianareo mponina amin’ ny tany, inay ianareo mba te handre ny teniko! Ary izaho dia mivavaka mba hampihodinana ny fahatezeran’ ny Tompo hiala aminareo sy mba hibebahanareo ary mba ho voavonjy.

TOKO 14

Nolazain’ i Samoela mialoha ny fisian’ ny hazavana mandritra ny alina sy ny kintana vaovao amin’ ny fahaterahan’ i Kristy—Navotan’ i Kristy tamin’ ny fahafatesany ny nofo sy ny fahafatesam-panahy—Ny famantarana ny amin’ ny

fahafatesany dia nahitana ny haizina hateloana, ny fitresahan’ ny vatolampy ary ny fisavorovoroana lehibe teo amin’ ny voary. Tokony ho 6 talohan’ i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia naminany zavatra maro ankoatra izany i “Samoeila ilay Lamanita, izay tsy hay soratana.

2 Ary indro, hoy izy taminy: Indro, omeko famantarana iray ianareo; fa mbola hisy dimy taona, ary indro, amin’ izay dia ho avy ny Zanak’ Andriamantitra hanavotra ireo rehetra izay hino ny anarany.

3 Ary indro, izao no homeko anareo ho “famantarana amin’ ny fotoana hiaviany; fa indro, hisy hazavana lehibe eny amin’ ny lanitra, hany ka amin’ ny alina mialohan’ ny hiaviany dia tsy hisy haizina, hany ka amin’ ny olona dia hanjary ho toy ny andro izany.

4 Koa hisy andro iray sy alina iray ary andro iray, miova tsy ny andro iray ary tsy misy alina; ary izany dia ho famantarana ho anareo; fa ho fantatrarareo ny amin’ ny fiposahan’ ny masoandro ary koa ny amin’ ny filentehany; koa ho fantatrarareo marina tokoa fa hisy andro roa sy alina iray; kanefa ny alina dia tsy hohamaizinina; ary izany no alina mialohan’ ny “hahaterahany.

5 Ary indro, hisy “kintana vaovao hitranga, dia tahaka izay tsy mbola hitanareo na oviana

38a Môrm. 2:15.
b Almà 34:33–34.
d Almà 41:10–11.
14 1a Hel. 13:2.

3a 3 Ne. 1:15.
4a TSM Jesoa Kristy—
Faminianana ny
amin’ ny

fahaterahana sy
ny fahafatesan’ i
Jesoa Kristy.
5a Mat. 2:1–2; 3 Ne. 1:21.

na oviana; ary izany koa dia ho famantarana ho anareo.

6 Ary indro tsy izay ihany, hisy famantarana maro sy zava-mahagaga eny amin' ny lanitra.

7 Ary ny zavatra hitranga dia ho talanjona ianareo sy hitolagaga, hany ka ho "lavo amin' ny tany.

8 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no "hino ny Zanak' Andriamanitra, dia izy no hanana ny fiainana maharitra mandrakizay.

9 Ary indro, toy izany no efa nandidian' ny Tompo ahy, tamin' ny alalan' ny anjeliny, dia ny hahatongavako sy ny hitenenako izany zavatra izany aminareo; eny, efa nandidy ny haminaniako ireo zavatra ireo aminareo Izy; eny, hoy Izy tamiko: Antsoy amin' ity vahoaka ity hoe, mibebaha ary omano ny lalan' ny Tompo.

10 Ary ankehitriny, satria Lamanita aho sy efa niteny taminareo ny teny izay efa nandidian' ny Tompo ahy, ary satria henjana taminareo izany, dia tezitra amiko ianareo sy mikatsaka ny hamongotra ahy ary efa "nandroaka ahy avy teo aminareo.

11 Ary handre ny teniko ianareo satria noho izany antony izany no efa niakarako teto amin' ny mandan' ity tanàna ity, dia ny hahazoanareo mandre sy mahafantatra ny amin' ny

famaizan' Andriamanitra izay miandry anareo noho ny helokareo ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny fepetran' ny fibebahana;

12 Ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny amin' ny fiavian' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ny "Rain' ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zavatra rehetra hatrany ampiandohana; ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny amin' ny famantarana ny fiaviany, ka ny fikasana dia ny hahazoanareo mino ny anarany.

13 Ary raha "mino ny anarany ianareo dia hibe-baka amin' ny fahotanareo rehetra, ka amin' izany no hahazoanareo ny famelana ireny amin' ny alalan' ny ^bfahamendrehany.

14 Ary indro koa, famantarana iray hafa no omeko anareo, eny, dia ny famantarana ny amin' ny fahafatesany.

15 Fa indro, tsy maintsy ho faty marina tokoa Izy mba hahatongavan' ny "famonjena; eny, takiana Aminy ary zary ilaina ny hahafatesany mba hahatant-raka ny ^bfitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, fa amin' izany no hahazoana mitondra ny olona ho eo anatrehan' ny Tompo.

16 Eny, indro, izany fahafatesana izany dia manatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty sy "manavotra ny olombelona

7a 3 Ne. 1:16-17.

8a Jao. 3:16.

10a Hel. 13:2.

12a Môsià 3:8;

3 Ne. 9:15;

Etera 4:7.

TSM Jesoa Kristy.

13a Asa 16:30-31.

^b F&F 19:16-20.

15a TSM Mpamonjy.

^b Almà 42:23.

TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

16a TSM Drafitry ny Fanavotana.

rehetra amin' ny fahafatesana voalohany — ilay fahafatesam-panahy; fa ny olombelona rehetra, noho ny ^bfahalavoan' i Adama, dia ^anesorina teo anatrehan' ny Tompo ary heverina ho toy ny ^amaty raha ny amin' ny zavatra ara-nofy sy ny zavatra ara-panahy.

17 Nefa indro, ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty dia ^amanavotra ny olombelona, eny, dia ny olombelona rehetra, sy mitondra azy hiverina eo anatrehan' ny Tompo.

18 Eny, ary izany dia manatanteraka ny fepetran' ny fibe-bahana, ka na zovy na zovy no mibebaka dia tsy kapaina izy ary tsy atsipy any anaty afo; fa na zovy na zovy kosa no tsy mibebaka dia kapaina sy hatsipy any anaty afo; ary dia tonga aminy indray ny fahafatesam-panahy, eny, ny fahafatesana faharoa, fa voakapa indray izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

19 Koa mibebaha ianareo, mibebaha ianareo, fandrao ny fahalalanareo ireny zavatra ireny sy ny tsy fanaovanareo ireny dia hamela ny tenanareo ho tonga eo ambany fanamelohana, ary dia entina midina any amin' ity fahafatesana faharoa ity ianareo.

20 Nefa indro, araka ny nola-zaiko taminareo momba ny ^afamantarana iray hafa, ny famantarana ny amin' ny fahafatesany, dia indro, amin' ny

andro izay hiaretany fahafatesana ny masoandro dia ^bhohamaizinina sy handà ny hanome ny hazavany ho anareo; ary ny volana sy ny kintana koa; ary tsy hisy hazavana eto ambonin' ity tany ity, manomboka amin' ny fotoana izay hiaretany fahafatesana, mandritra ny ^atelo andro, ka hatramin' ny fotoana izay hitsanganany indray amin' ny maty.

21 Eny, amin' ny fotoana izay hanolorany ny fanahy dia hisy ^akotroka sy tselatra mandritra ny ora maro ary hihorohoro sy hihovitrovitra ny tany; ary ny vatolampy izay eo amin' ny lafin' ity tany ity, izay eo ambonin' ny tany sy any ambanin' ny tany, izay fantatrarao amin' izao fotoana izao fa mafy, na ny ankamaroany amin' izany dia vaingana iray mafy, dia ^bhopotehina;

22 Eny, hitresaka roa ireny, ary hatramin' izay dia ^ahahitana silany nitriatriatra sy nitsefatsefaka ary potipotika eran' ny lafiny amin' ny tany manontolo, eny, na eny ambonin' ny tany, na any ambanin' ny tany.

23 Ary indro, hisy tafiotra lehibe ary hisy tendrombohitra maro haetry hila-maka tahaka ny lohasaha, ary hisy toerana maro izay antsoina ankehitriny hoe lohasaha no ho tonga tendrombohitra izay lehibe ny haavony.

24 Ary lalambe maro no hota-

16b TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.
d Almà 42:6–9.
e TSM Fahafatesana

Ara-panahy.
17a TSM Fanavotana.
20a 3 Ne. 8:5–25.
b Lio. 23:44.

d Môsià 3:10.
21a 3 Ne. 8:6.
b 3 Ne. 10:9.
22a 3 Ne. 8:18.

pahina ary “tanàna maro no ho tonga aolo.

25 Ary “fasana maro no hovo-hana sy hamoaka ny maro amin’ ny maty ao aminy; ary olomasina maro no hiseho amin’ ny maro.

26 Ary indro, izany no efa notenenin’ ny “anjely tamiko; satria nilaza tamiko izy fa hisy kotroka sy tselatra mandritra ny ora maro.

27 Ary nilaza tamiko izy fa raha mbola maharitra ny kotroka sy ny tselatra ary ny tafiotra, dia hisy ireo zavatra ireo, ary ny “haizina dia handrakotra ny lafin’ ny tany manontolo mandritra ny telo andro.

28 Ary nilaza tamiko ilay anjely fa maro no hahita zavatra lehibe kokoa noho ireo, ka ny fikasana dia ny hahazoany mino fa “ireny famantarana ireny ary ireny zava-mahagaga ireny dia hitranga eo amin’ ny lafiny rehetra amin’ ity tany ity, ka ny fikasana dia ny tsy hisian’ ny antony ho an’ ny tsy finoana eo anivon’ ny zanak’ olombelona—

29 Ary izany dia noho ny fikasana fa na zovy na zovy no hino dia ho azo vonjena, ary na zovy na zovy no tsy hino dia “fitsarana marina no hihatra aminy; ary koa raha voaheloka izy dia izy ihany no ahatonga ny fanamelohana amin’ ny tenany.

30 Ary ankehitriny dia tsarovy, tsarovy, ry rahalahiko, fa na

zovy na zovy no maty dia maty ho an’ ny tenany; ary na zovy na zovy no manao heloka dia manao izany ho an’ ny tenany; fa indro, “afaka ianareo; avela ianareo hanao araka ny tenanareo; fa indro, Andriamanitra dia efa nanome anareo ^bfahalalana sy efa nanafaka anareo.

31 Efa nanome anareo Izy mba hahazoanareo “mahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ary efa nanome anareo Izy mba hahazoanareo ^bmifidy na ny fiainana na ny fahafatesana; ary afaka manao ny tsara ianareo ka azo “averina amin’ izay tsara, na hanana izay tsara haverina aminareo; na afaka manao ny ratsy ary hanana izay ratsy haverina aminareo.

TOKO 15

Nofaizin’ ny Tompo ny Nefita satria notiaviny izy—Ny Lamanita niova fo dia niorina sy nifototra tao amin’ ny finoana—Ho feno famindram-po amin’ ny Lamanita ny Tompo amin’ ny andro farany. Tokony ho 6 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, ry rahalahiko malala, indro ambarako aminareo fa raha tsy mibebaka ianareo, dia havela ho “aolo aminareo ny tranonareo.

2 Eny, raha tsy mibebaka ianareo, dia hanana antony lehibe hitomaniana amin’ ny andro izay hampinonoany ny vehiva-

24a 3 Ne. 9:3–12.

25a Mat. 27:50–54;

3 Ne. 23:9–11.

26a Almà 13:26.

27a 1 Ne. 19:10;

3 Ne. 8:3.

28a 1 Ne. 12:4–5.

29a TSM Fitsarana
Farany, Ny.

30a 2 Ne. 2:26–29;

Mos. 6:56.

TSM Safidy.

^b TSM Fahalalana.

31a Môrô. 7:16.

^b 2 Ne. 2:28–29;

Almà 3:26–27.

^d Almà 41:3–5.

15 1a Mat. 23:37–38.

vinareo; fa hanandrana ny handositra ianareo ary tsy hisy toerana fialofana; eny, lozan' ireo izay "manan' anaka, fa ho mavesatra izy ireo ary tsy ho afaka mandositra; noho izany dia ho voahosihosy sy havela ho faty izy ireo.

3 Eny, lozan' ity vahoaka izay antsoina hoe ny vahoakan' i Nefia ity raha tsy mibebaka izy rehefa hahita ireo famantarana sy zava-mahagaga rehetra ireo izay haseho azy; fa indro, efa vahoaka nofinidin' ny Tompo izy; eny, ny vahoakan' i Nefia dia efa notiaviny ary efa "nofaiziny koa; eny, tamin' ny andro nanaovany heloka dia efa nofaiziny izy satria tia azy Izy.

4 Nefa indro ry rahalahiko, ny Lamanita dia efa nankahalainy, satria ny ataony dia efa ratsy lalandava, ary izany dia noho ny heloky ny "fomban-drazany. Nefa indro, efa tonga taminy ny famonjena tamin' ny fitorian' ny Nefita; ary noho izany antoany izany dia efa "nohalavain' ny Tompo ny androny.

5 Ary mba tiako ny hahitanareo fa ny "ankamaroany dia mby amin' ny lalan' ny adidiny, ary izy dia mandeha amim-pahamalinana tokoa eo anoloan' Andriamanitra, sy miezaka ny hitandrina ny didiny sy ny sitany ary ny fitsarany araka ny lalàn' i Mosesy.

6 Eny, lazaiko aminareo, fa ny ankamaroany dia manao izany,

ary milofo izy miaraka amin' ny fahazotoana tsy mety sasatra mba hahazoany mitondra ny sisa tavela amin' ny rahalahiny ho amin' ny fahalalana ny marina; noho izany dia misy maro izay manampy ny isany isan' andro.

7 Ary indro, fantatry ny tenanareo ihany, satria efa nijoro ho vavolombelon' izany ianareo, fa izay rehetra taminy ka entina ho amin' ny fahalalana ny marina, sy hahafantatra ny amin' ny fomban-drazany ratsy sady vetaveta, ary tarihina hino ny soratra masina, eny, ny faminanian' ny mpaminany masina, izay voasoratra, izay mitarika azy ho amin' ny finoana ny Tompo, ary ho amin' ny fibebahana, dia finoana sy fibebahana mitondra "fiovam-po ho azy —

8 Koa, izay rehetra tonga amin' izany, fantatry ny tenanareo ihany, fa "miorina sy mifototra ao amin' ny finoana izy, sy ao amin' ny zavatra izay efa nanafahana azy.

9 Ary fantatrareo koa fa efa "naleviny ny fitaovam-piadiany ary matahotra izy ny haka ireny fandrao mety hisy fomba hanotany; eny, azonareo jerena fa matahotra ny hanota izy — fa indro hamela ny tenany ho voahosihosy sy hovanoin' ny fahavalony izy ka tsy hanainga ny sabany hanohitra azy, ary izany dia noho ny finoany an' i Kristy.

2a Mat. 24:19.

3a Ohab. 3:12;

Heb. 12:5-11;

F&F 95:1.

4a TSM Fomban-drazana.

b Almà 9:16.

5a Hel. 13:1.

7a TSM Fiovam-po.

8a Almà 23:6; 27:27;

3 Ne. 6:14.

9a Almà 24:17-19.

10 Ary ankehitriny, noho ny fifotorany rehefa mino ny zavatra izay inoany izy, fa noho ny fiorenany rehefa voazava indray mandeha izy, dia indro, hitahy azy sy hanalava ny androny ny Tompo, na dia teo aza ny helony —

11 Eny, raha toa aza ka hihemotra ao amin' ny tsy finoana izy, ny Tompo dia "hanalava ny androny mandra-pahatongan' ny fotoana izay efa voalazan' ny razantsika, ary koa ny mpaminany ^bZenôsa sy ny mpaminany maro hafa, momba ny ^dfamere-nana indray ny Lamanita rahalahantsika ho amin' ny fahalalana ny marina —

12 Eny, lazaiko aminareo fa amin' ny fotoana farany, ny ^afampanantenan' ny Tompo dia efa voatolotra ny Lamanita rahalahintsika; ary na dia eo aza ny fahoriana maro izay hahazo azy, ary na dia ^bhorohahina etsy sy eroa aza izy eran' ny lafin-tany sy hazaina ary hokapohina sy haely lavitra, ka tsy hanana toerana fialofana, ny Tompo dia ho feno ^dfamindram-po aminy.

13 Ary izany dia araka ny faminiana fa ^ahoentina indray izy hankamin' ny tena fahalalana, dia ny fahalalana ny Mpanavotra azy sy ny ^bmpiandry ondriny lehibe sy marina, ary horaisina ho isan' ny ondriny.

14 Koa lazaiko aminareo fa ho ^atsara kokoa ho azy izany

toy izay ho anareo raha tsy mibebaka ianareo.

15 Fa indro, "raha toa ka naseho azy ny asa mahery izay efa naseho anareo, eny, naseho an' ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana noho ny fombandrazany, dia azon' ny tenanareo jerena fa tsy ho nihemotra na oviana na oviana indray tao amin' ny tsy finoana izy.

16 Koa hoy ny Tompo: Izaho tsy hamongotra azy tanteraka, fa hanao kosa amin' ny andron' ny fahendreko izay hiverenany indray amiko, hoy ny Tompo.

17 Ary ankehitriny, indro, hoy ny Tompo momba ny vahoakan' ny Nefita: Raha tsy mibebaka izy sy tsy miezaka ny hanao ny sitrapoko, dia "hamongotra azy tanteraka Aho, hoy ny Tompo, noho ny tsy finoany na dia teo aza ny asa mahery maro izay efa nataoko teo anivony; ary raha velona marina koa ny Tompo, dia ho to ireo zavatra ireo, hoy ny Tompo.

TOKO 16

Ny Nefita izay nino an' i Samoela dia nataon' i Nefia batisa — I Samoela dia tsy hay novonoina tamin' ny zanatsipika sy ny vaton' ny Nefita tsy mety mivalo — Nanamafy ny fony ny sasany, nahita anjely ny hafa — Nilaza ny tsy mpino fa tsy fahendrena ny

11a Almà 9:16.

b Hel. 8:19.

d 2 Ne. 30:5–8.

12a Enôsa 1:12–13.

b Môrm. 5:15.

d 1 Ne. 13:31;

2 Ne. 10:18–19;

Jakôba 3:5–6.

13a 3 Ne. 16:12.

b TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

14a Hel. 7:23.

15a Mat. 11:20–23.

17a Hel. 13:6–10.

mino an' i Kristy sy ny fiaviany any Jerosalema. Tokony ho 6–1 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga dia nisy maro no nandre ny tenin' i Samoela ilay Lama-nita, izay noteneniny teo amin' ny mandan' ny tanàna. Ary izay rehetra nino ny teniny dia nandeha sy nitady an' i Nefia; ary nony efa nandeha ireo sy nahita azy dia niaiky taminy ny fahotany sady tsy nandà, fa naniry ny hahazoana manao batisa azy ireo ho an' ny Tompo.

2 Fa izay rehetra tsy nino ny tenin' i Samoela kosa dia tezitra taminy; ary nitora-bato azy teo amin' ny manda, ary koa nandefa zanatsipika maro teny aminy raha nijoro teo amin' ny manda izy; saingy niaraka taminy ny Fanahin' ny Tompo, hany ka tsy nety nahavao azy tamin' ny vatony na ny zanatsipikany ireo.

3 Ankehitriny nony nahita izy ireo fa tsy nety nahavao azy, dia nisy maro no nino ny teniny, hany ka nandeha ireo nankany amin' i Nefia mba hatao batisa.

4 Fa indro, i Nefia dia nanao batisa sy naminany ary nitory, niantso fibebahana tamin' ny vahoaka, naneho famantarana sy zava-mahazendana, nanao "fahagagana teo anivon' ny vahoaka hahazoany mahafantatra fa tsy maintsy ho avy ^btsy ho ela i Kristy —

5 Niteny taminy ny amin' ny zavatra izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela mba hahazoany ma-

hafantatra sy mahatsiaro amin' ny fotoana iavian' ireny fa ireny dia efa nampahafantarina azy ireo mialoha, ka ny fikasana dia ny hahazoany mino; koa izay rehetra nino ny tenin' i Samoela dia nandeha nankany aminy hatao batisa, fa tonga izy ireo, nibebaka sy niaiky ny fahotany.

6 Nefa ny ankamaroany dia tsy nino ny tenin' i Samoela; koa nony nahita izy ireo fa tsy nety nahavao azy tamin' ny vatony sy ny zanatsipikany, dia nantsoiny ny kapiteniny, nataony hoe: Alao io lehilahy io ary afatory izy, fa indro manana devoly izy; ary noho ny herin' ny devoly izay ao aminy dia tsy mety mahavao azy amin' ny vatonay sy ny zanatsipikanay izahay; koa alao izy sy afatory ary ento any.

7 Ary raha nandroso ireo hiamsbotra azy, dia indro nitsambikina ny tenany nidina avy teny amin' ny manda ary nandositra niala ny taniny, eny, nankany amin' ny faritaniny ihany ary nanomboka nitory sy naminany tany anivon' ny vahoakany ihany.

8 Ary indro, tsy re na oviana na oviana intsony tany anivon' ny Nefita ny aminy; ary dia toy izany no raharahan' ny vahoaka.

9 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

10 Ary dia toy izany koa no nifaranan' ny taona fahafito

amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara, fa ny ankamaroan' ny vahoaka dia nijanona tao amin' ny fiavonavonany sy ny faharatsiany, ary ny ankavitsiana kosa dia nandeha tamim-pahamalinana be tokoa teo anoloan' Andriamanitra.

11 Ary dia ireo koa no zavany nisy tamin' ny taona fahavalo amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

12 Ary tsy nisy afa-tsy fiovana kely teo amin' ny raharahan' ny vahoaka, tsy nisy afa-tsy vahoaka izay nanomboka ho nihamafy tao amin' ny heloka sy nanao hatrany hatrany izay nifanohitra tamin' ny didin' Andriamanitra, tamin' ny taona fahasivy amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

13 Nefa ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahasivifolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy "famantarana lehibe nomena ny vahoaka sy zava-mahagaga; ary nanomboka ho tanteraka ny tenin' ny mpaminany.

14 Ary ny "anjely dia niseho tamin' ny olona, ny olon-kendry ary nanambara taminy vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe; dia toy izany no nanombohan' ny soratra masina ho tanteraka tamin' izany taona izany.

15 Na dia teo aza izany, dia nanomboka nanamafy ny fony ny vahoaka, ny rehetra afa-tsy ny ampahany tena mpino tamin' ny Nefita izany na koa tamin' ny Lamanita, ary

nanomboka niantehitra tamin' ny heriny ihany sy tamin' ny "fahendreny ihany, nanao hoe:

16 Mety nanana fanomboanana marina izy ireo tamin' ireo maro tokoa; nefa indro, fantatsika fa ireo asa lehibe sy mahatalanjona rehetra ireo izay efa voaresaka dia tsy afaka hitranga.

17 Ary izy ireo dia rafitra nifandahatra sy nifanditra teo anivon' izy samy izy, nanao hoe:

18 "Tsy mety ny fiheverana fa ny toa an' i Kristy dia ho avy; raha izany, ary raha Zanak' Andriamanitra Izy, ny Rain' ny lanitra sy ny tany, toy ny efa voalaza, nahoana Izy no tsy haneho ny tenany amintsika ary koa amin' ireo izay ao Jerosalema?

19 Eny, nahoana Izy no tsy haneho ny tenany eo amin' ity tany ity ary koa eo amin' ny tanin' i Jerosalema?

20 Nefa indro, fantatsika fa izany dia "fomba ratsy izay efa natolotry ny razantsika antsika, mba hanao izay hinoantsika ny zavatra lehibe sy mahatalanjona sasany izay tokony hitranga, saingy tsy eto amintsika fa any an-tany iray kosa izay lavitra, tany iray izay tsy fantatsika; noho izany dia azony tanana ao amin' ny tsy fahalalana isika, satria tsy afaka mijoro ho ^bvavolombelona manatri-maso isika fa marina izany.

21 Ary amin' ny alalan' ny hafetsena sy ny hakingana ko-

13a 3 Ne. 1:4.

b Hel. 14:3-7.

14a Almà 13:26.

15a Isa. 5:21.

18a Almà 30:12-13.

20a TSM Fomban-drazana.

b Etera 12:5-6, 19.

nonkononin' ilay ratsy no hanaovan' izy ireo mistery lehibe izay tsy haintsika takarina, izay hitana antsika ho ambany ka ho mpanompon' ny teniny, ary koa ho mpanompony, satria miantehitra amin' izy ireo isika hampianatra antsika ny teny; ary dia toy izany no hitanany antsika ao amin' ny tsy fahala-lana raha manaiky azy ireo ny tenantsika, mandritra ny androm-piainantsika rehetra.

22 Ary zavatra maro kokoa no nosaintsainin' ny vahoaka tao am-pony, izay fahadalana sy “zava-poana; ary tsy tafandry mandry fatratra izy, satria i Satana dia namoky azy hanao heloka lalandava; eny, izy dia nivezivezy nanelany tsaho sy fifandirana eran' ny lafin-tany

rehetra mba hahazoany manamafy ny fon' ny vahoaka hano-hitra izay tsara sy hanohitra izay tokony ho avy.

23 Ary na dia teo aza ny famantarana sy ny zava-mahagaga izay notontosaina teo anivon' ny vahoakan' ny Tompo, ary ny fahagagana maro izay nataon' izy ireo, i Satana dia nahazo vahana lehibe tamin' ny fon' ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

24 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivifolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

25 Ary dia toy izany no nifaranan' ny bokin' i Helamàna, araka ny rakitsoratr' i Helamàna sy ny zanany lahy.

NEFIA FAHATELO NY BOKIN' I NEFIA

ZANAKALAHIN' I NEFIA, IZAY ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA

Ary i Helamàna dia zanakalahin' i Helamàna izay zanakalahin' i Almà, izay zanakalahin' i Almà, izay tamingan' i Nefia izay zanakalahin' i Lehia izay nivoaka avy tao Jerosalema tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' i Zedekià, mpanjakan' i Joda.

TOKO 1

I Nefia, zanakalahin' i Helamàna, dia nandeha niala ny tany, ary i Nefia zanany no nitana ny rakitsoratra—Na dia sesehena aza ny famantarana sy ny zava-mahagaga, dia nitetika ny handringana ny

marina ny ratsy—Tonga ny alin' ny fahaterahan' i Kristy—Nomena ny famantarana ary nitranga ny kintana vaovao—Nitombo ny fandaingana sy ny famitahana, ary nandripaka maro ny jirik' i Gadiantôna. Tokony ho 1–4 taorian' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia efa lasana ny taona fahiraika amby sivifolo, ary izany dia “eninjato taona taorian’ ny fotoana izay nandaozan’ i Lehia an’ i Jerosalema; ary izany dia tamin’ ny taona izay naha-lohan’ ny mpitsara sy governora teo amin’ ny tany an’ i Lakôneo.

2 Ary i Nefia, zanakalahin’ i Helamàna dia efa nandeha niala ny tanin’ i Zarahemlà, rehefa nomeny an’ i “Nefia zanany lahy izay zanany lahimatoa ny andraikitra momba ny ^btakelabarahina, sy ny rakitsoratra rehetra izay efa nosoratana, ary ireo zavatra rehetra izay efa notanana ho masina hatramin’ ny niaingan’ i Lehia niala an’ i Jerosalema.

3 Rehefa izany dia nandeha izy niala ny tany, ary “izay nalehany dia tsy misy olona mahalala; ary i Nefia zanany lahy dia nitana ny rakitsoratra teo amin’ ny toerany, eny, ny rakitsoratr’ ity vahoaka ity.

4 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny fiandohan’ ny taona faharoa amby sivifolo, dia indro, ny faminanian’ ny mpaminany dia nanomboka ho tanteraka tamin’ ny fahafenoana bebe kokoa; fa nanomboka nisy famantarana lehibebe kokoa sy fahagagana lehibebe kokoa nitranga teo anivon’ ny vahoaka.

5 Nefa nisy ny sasany izay nanomboka nilaza fa efa dila ny

fotoana hahatanterahan’ ny teny izay efa “nolazain’ i Samoela ilay Lamanita.

6 Ary nanomboka nifaly tamin’ ny rahalahiny izy ireo, nanao hoe: Indro, dila ny fotoana, ary ny tenin’ i Samoela dia tsy tanteraka; koa ny fifalianareo sy ny finoanareo momba izany zavatra izany dia foana.

7 Ary ny zava-nitranga dia namelona hotakotaka eran’ ny tany izy ireo; ary ny vahoaka kosa izay nino dia nanomboka ho feno alahelo fatratra, fandrao hisy antony mety tsy hitrangan’ ireo zavatra izay efa notenenina ireo.

8 Nefa indro, izy dia niandry tamim-piaretana tokoa izany andro izany sy izany alina izany, ary izany andro izany izay tokony ho toy ny andro iray toa tsy misy alina mba hahazoany mahafantatra fa ny finoany dia tsy foana.

9 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nisy andro iray navahan’ ny tsy mpino, ka ireo rehetra izay nino ireo fombafomba ireo dia “hovonoina ho faty raha tsy mitranga ny famantarana izay efa nomen’ i Samoela ilay mpaminany.

10 Ankehitriny ny zava-nitranga nony nahita izany faharatsian’ ny olony izany i Nefia, ilay zanakalahin’ i Nefia, dia feno alahelo izaitsizy tokoa ny fony.

11 Ary ny zava-nitranga dia

[3 NEFIA]

1 1a 2 Ne. 25:19.

2a TSM Nefia,

Zanakalahin’ i Nefia,

Zanakalahin’ i Helamàna.

b Almà 37:3-5.

3a 3 Ne. 2:9.

5a Hel. 14:2-4.

9a TSM Maritiora.

nandeha nivoaka izy sy nianko-hoka tamin' ny tany ary nahery nitalaho tokoa tamin' Andriamaniny ho an' ny olony, eny, ireo izay efa hofongorana noho ny finoany ny fomban-drazany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahery nitalaho tokoa tamin' ny Tompo izy ny "manontolo andro; ary indro, tonga taminy ny feon' ny Tompo, nanao hoe:

13 Atrakao ny lohanao ary mahereza; fa indro, antomotra ny fotoana ary anio alina dia homena ny famantarana, ary "rahampitso Aho dia ho tonga eo amin' izao tontolo izao haneho amin' izao tontolo izao fa Izaho dia hanatanteraka izay rehetra efa "nampiteneniko tamin' ny vavan' ny mpaminaniko masina.

14 Indro, "tonga any amin' ny Ahy Aho, "hanatanteraka ny zavatra rehetra izay efa nampahafantariko ny zanak' olombelona hatry ny "fanorenana izao tontolo izao sy hanao ny sitrapo, "dia ny an' ny Ray sy ny an' ny Zanaka—ny an' ny Ray noho ny Amiko ary ny an' ny Zanaka noho ny nofoko. Ary indro, antomotra ny fotoana, ary izao alina izao no homena ny famantarana.

15 Ary ny zava-nitranga dia tanteraka ny teny izay tonga tamin' i Nefia araka izay efa nitenenana azy ireny; fa indro, tamin' ny filentehan' ny ma-

soandro dia "tsy nisy haizina; ary nanomboka ho talanjona ny vahoaka, satria tsy nisy haizina nony tonga ny alina.

16 Ary nisy ireo maro izay tsy nino ny tenin' ny mpaminany no "nianjera tamin' ny tany sy nanjary toy ny maty, satria fantany fa ny "tetika lehiben' ny famongorana izay efa noko-nonkononiny ho an' ireo izay nino ny tenin' ny mpaminany dia efa voasampona; fa ny famantarana izay efa nomena dia mby eo sahadý.

17 Ary nanomboka nahafantatra izy ireo fa ny Zanak' Andriamanitra dia tsy maintsy hiseho tsy ho ela; eny, raha fin-tinina, ny vahoaka rehetra eran' ny lafin' ny tany manontolo hatrany andrefana ka hatrany atsinanana, na ao amin' ny tany avaratra na ao amin' ny tany atsimo, dia talanjona izaitsizy tokoa ka nianjera tamin' ny tany.

18 Satria fantany fa ny mpaminany dia efa nanambara ny amin' ireo zavatra ireo nandritra ny taona maro, fa ny famantarana izay efa nomena dia mby eo sahadý; ary nanomboka natahotra izy noho ny helony sy ny tsy finoany.

19 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy haizina nandritra izany manontolo alina izany, fa izany kosa dia nazava toy ny mitataovovonana. Ary ny zava-nitranga dia niposaka indray ny masoan-

12a Enôsa 1:4; Almà 5:46.

13a Lio. 2:10–11.

b TSM Jesoa Kristy—
Faminaniana ny
amin' ny

fahaterahana sy
ny fahafatesan' i
Jesoa Kristy.

14a Jao. 1:11.

b Mat. 5:17–18.

d Almà 42:26.

e F&F 93:3–4.

15a Hel. 14:3.

16a Hel. 14:7.

b 3 Ne. 1:9.

dro tamin' ny maraina, araka ny laminy ihany; ary nahafantatra izy fa izany no andro izay ho "nahaterahan' ny Tompo, noho ny famantarana izay efa nomena.

20 Ary izany dia efa nitranga, eny, ny zava-drehetra, ny lafiny tsirairay, araka ny tenin' ny mpaminany.

21 Ary ny zava-nitranga koa dia "kintana vaovao iray no niseho, araka ny teny.

22 Ary ny zava-nitranga dia hatramin' izay fotoana izay no nanomboka nisy fandaingana nalefan' i Satana tany anivon' ny vahoaka, hanamafy ny fony, ka ny fikasana dia ny tsy hahazoany mino ireo famantarana sy ny zava-mahagaga izay efa hitany; nefa na dia teo aza ireo fandaingana sy famitahana ireo, ny ankamaroan' ny olona dia nino sy niova fo ho an' ny Tompo.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka i Nefia, sy ny maro hafa koa, nanao batisa ho amin' ny fibebahana, fa tamin' izany no nisy ny "famelana lehibe ny fahotana. Ary dia toy izany no nanombohan' ny olona indray nanana fandriampahalemana teo amin' ny tany.

24 Ary tsy nisy fifandirana, raha tsy noho ny fisian' ny vitsivitsy izay nanomboka nitory, niezaka nanaporofa tamin' ny soratra masina fa tsy "ilaina intsony ny mitandrana ny lalàn'

i Mosesy. Ankehitriny tamin' izany zavatra izany dia diso hevitra izy, azon' ny tsy fahatakarana ny soratra masina.

25 Nefa ny zava-nitranga dia tsy ela izy dia nanjary niova fo sy resy lahatra ny amin' ny hadisoana izay nisy azy, satria nampahafantarina azy fa ny lalàna dia tsy mbola "tanteraka, ary izany dia tsy maintsy tanteraka amin' ny lafiny tsirairay; eny, tonga taminy ny teny fa izany dia tsy maintsy tanteraka; eny, ka na litera iray na tendron-tsoratra iray dia tsy ho foana mandra-pahatanteraka izany avokoa; koa tamin' izany taona izany ihany izy dia nentina ho amin' ny fahalalana ny hadisoany ary ^bnibaboka ny fahadisoany izy.

26 Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona faharoa amby sivifolo, nitondra vaovao mahafaly ho an' ny vahoaka noho ny famantarana izay nitranga, araka ny tenin' ny faminanian' ny mpaminany masina rehetra.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandalo koa tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahatelo amby sivifolo, raha tsy noho ny fisian' ny "jirik' i Gadiantôna, izay nonina tany an-tendrombohitra, izay nane-nika ny tany; fa nahery loatra ny toeram-pamaharany sy ny toerany miafina ka ny vahoaka dia tsy afaka nandresy azy ireo; noho izany izy ireo dia nahavita vonoan' olona maro, sy nanao

19a Lio. 2:1–7.

21a Mat. 2:1–2; Hel. 14:5.

23a TSM Famelana ny

Fahotana.

24a Almà 34:13.

25a Mat. 5:17–18.

^b Môsià 26:29.

27a TSM Jirik' i
Gadiantôna.

fandringanana betsaka teo anivon' ny vahoaka.

28 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahefatra amby sivifolo, dia nanomboka nitombo be izaitsizy izy ireo, satria nisy maro ny mpiendaka tamin' ny Nefita izay nilefa nankany aminy, izay nahatonga alahelo fatratra ho an' ireo Nefita izay nijanona teo amin' ny tany.

29 Ary nisy koa anton' alahelo fatratra tany anivon' ny Lamanita; fa indro, izy dia nanana zanaka maro izay nitombo sy nanomboka ho nihanatanjaka araka ny taona, ka dia nanjary tompon' ny tenany izy, sy voatariky ny sasany izay "Zôramita tamin' ny fandaingany sy ny teny manasohasony, hitambatra amin' ireo jirik' i Gadiantôna ireo.

30 Ary dia toy izany no nampahory koa ny Lamanita izay nanomboka nihena raha ny momba ny finoany sy ny fahamarinany, noho ny faharatsian' ny taranaka vao misondrotra.

TOKO 2

Nitombo teo anivon' ny vahoaka ny faharatsiana sy ny fahavetavetana — Nitambatra ny Nefita sy ny Lamanita mba hiaro ny tenany tamin' ny jirik' i Gadiantôna — Nanjary fotsy ny Lamanita niova fo ary nantsoina hoe Nefita. Tokony ho 5–16 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia toy izany koa no nahalasanan' ny

taona fahadimy amby sivifolo, ary ny vahoaka dia nanomboka nanadino ireo famantarana sy zava-mahagaga izay efa reny ireo ary nanomboka tsikelikely ho tsy talanjona firy tamin' ny famantarana na ny zava-mahagaga avy tany an-danitra, hany ka dia nanomboka nanamafy ny fony, sy nanajamba ny sainy ary nanomboka tsy nino izay rehetra efa reny sy hitany izy —

2 Nisaintsaina zava-poana tao am-pony, fa izany dia nataon' olona sy ny herin' ny devoly hampaniasia sy "hamitahana ny fon' ny vahoaka; ary dia toy izany no nahazoan' i Satana ny fizakana ny fon' ny vahoaka indray, hany ka nohajambainy ny masony ary notarihiny izy hino fa ny fotopampianaran' i Kristy dia adalana sy zava-poana.

3 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho nihanahery tamin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana ny vahoaka; ary tsy nino izy fa mbola hisy famantarana sy zava-mahagaga omena; ary i Satana dia "nivezivezy, nampanianasia ny fon' ny vahoaka, naka fanahy azy ary nanao izay hanaovany faharatsiana lehibe teo amin' ny tany.

4 Ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahenina amby sivifolo; ary koa ny taona fahafito amby sivifolo; ary koa ny taona fahavalo amby sivifolo; ary koa ny taona fahasivy amby sivifolo;

5 Ary zato taona koa no efa lasana hatramin' ny andron' i

"Môsià izay mpanjaka teo amin' ny vahoakan' ny Nefita.

6 Ary sivy amby eninjato taona no efa lasana hatramin' ny nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema.

7 Ary sivy taona no efa lasana hatramin' ny fotoana izay nanomezana ny famantarana, izay efa notenenin' ny mpaminany fa i Kristy dia ho avy eo amin' izao tontolo izao.

8 Ankehitriny ny Nefita dia nanomboka nanisa ny fotoany hatramin' izany vanim-potoana izay nanomezana izany famantarana izany, na hatramin' ny fiavian' i Kristy; noho izany, dia sivy taona no efa lasana.

9 Ary i Nefia izay rain' i Nefia, izay nanana ny fiandraiketana ny rakitsoratra, dia "tsy niverina tany an-tanin' i Zarahemlà sady tsy nety ho hita na taiza na taiza teo amin' ny tany manontolo.

10 Ary ny zava-nitranga dia mbola nijanona tao amin' ny faharatsiana ny vahoaka, na dia teo aza ny fitoriana sy ny faminiana betsaka izay nalefa tany anivony; ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahafolo koa; ary ny taona fahiraika amin' ny folo koa dia lasana tao amin' ny heloka.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahatelo ambin' ny folo dia nanomboka nisy ady sy fifandirana eran' ny tany manontolo; fa ny jirik' i Gadian-tôna dia efa nanjary maro loatra sy nandringana maro tokoa tamin' ny vahoaka, ary namela

ho aolo ny tanàna maro loatra, ary nampielahy fahafatesana sy fandripahana be loatra eran' ny tany, ka nanjary nilaina ny handraisan' ny vahoaka rehetra, na ny Nefita na ny Lamanita, fiadiana hanohitra azy ireo.

12 Noho izany ny Lamanita rehetra izay efa nanjary niova fo ho an' ny Tompo dia nitambatra tamin' ny Nefita rahalahiny ary voatery, ho fitandroana ny ainy sy ny andefimandriny ary ny zanany, ny handray fiadiana hanoherana ireo jirik' i Gadian-tôna ireo, eny, ary koa ny hitana ny zony, ary ny tombontsoan' ny fiangonany sy ny an' ny fivavahany, ary ny "fahaleovan-tenany sy ny ^bfahafahany.

13 Ary ny zava-nitranga dia talohan' ny nahalasanan' ity taona fahatelo ambin' ny folo ity no efa nanambana ny Nefita ny ho fongana tanteraka noho ity ady ity izay efa nanjary nangotraka izaitsizy tokoa.

14 Ary ny zava-nitranga dia noraisina ho isan' ny Nefita ireo Lamanita izay nitambatra tamin' ny Nefita ireo;

15 Ary nesorina taminy ny "ozony, ary dia tonga ^bfotsy tahaka ny Nefita ny fihodirany;

16 Ary ny zatovolahiny sy ny zanany vavy dia tonga meva izaitsizy tokoa, ary noraisina ho isan' ny Nefita izy, ary nantsoina hoe Nefita. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo ambin' ny folo.

17 Ary ny zava-nitranga, ta-

5a Môsià 29:46-47.

9a 3 Ne. 1:2-3.

12a TSM Afaka.

b TSM Fahalalahana.

15a Almà 17:15; 23:18.

b 2 Ne. 5:21; 30:6;

Jakôba 3:8.

min' ny fiandohan' ny taona fahefatra ambin' ny folo dia nitohy sy nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady teo amin' ny jirika sy ny vahoakan' i Nefia; kanefa, ny vahoakan' i Nefia dia nahazo tombony iha-ny tamin' ny jirika, hany ka natosiny ireo hiverina hiala ny taniny hankany an-tendrombohitra sy hankany amin' ny toerany mifaina.

18 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra ambin' ny folo. Ary tamin' ny taona fahadimy ambin' ny folo dia nivoaka izy ireo hiady amin' ny vahoakan' i Nefia; ary noho ny faharatsian' ny vahoakan' i Nefia sy ny fifandirany ary ny fisaraham-bazany maro, dia nahazo tombony maro taminy ny jirik' i Gadiantôna.

19 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimy ambin' ny folo, ary dia tao amin' ny toetry ny fahoriana maro toy izany ny vahoaka; ary ny "sabatra ny famongorana dia niantona teo amboniny, hany ka efa saika nokapohina tamin' izany izy, ary izany dia noho ny helony.

TOKO 3

I Gidiania, ilay mpitondra ny Gadiantôna, dia nitaky ny hanolo-ran' i Lakôneo sy ny Nefita ny tenany sy ny taniny—Nanendry an' i Gidgidônia i Lakôneo ho lohan' ny kapitenin' ny miaramila—Nivory tao Zarahemlà sy Soa-

feno ny Nefita mba hiaro tena. Tokony ho 16–18 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina ambin' ny folo hatramin' ny fivian' i Kristy, dia nandray epistily avy tamin' ny mpitondra sady governoran' ity andiana jirika ity i Lakôneo governoran' ny tany; ary izao no teny izay nosoratana manao hoe:

2 Ry Lakôneo, andriandehibe sady lohan' ny governora eo amin' ny tany, indro, manoratra ity epistily ity ho anao aho sy manome voninahitra lehibe izaitsizy tokoa anao noho ny fiorenanao ary koa ny fiorenan' ny olonao amin' ny fitanana izay heverinareo ho zonareo sy fahafahanareo; eny, tsy milefitra ianareo, miova tsy ny tohanan' ny tanan' andriamanitra iray amin' ny fiarovana ny fahafahanareo sy ny fanananareo ary ny taninareo, na izay antsoinareo ho izany.

3 Ary toa mampahonena ahy, ry Lakôneo andriandehibe, fa adala sy tsinontsinona tokoa ianareo raha mihevitra fa ianareo dia hahatohitra ny lehilahy maherifo maro tokoa izay eo ambany fibaikoako, izay miatrana miaraka amin' ny fiadiany ankehitriny, amin' izao fotoana izao, sy miandry amim-pahamaimaizana be ny teny hoe—Andeha midina any amin' ny Nefita ary fongory ireo.

4 Ary izaho, noho ny fahafantarako ny herimpony tsy hay tohaina, rehefa voasedra teny

amin' ny sahan' ady izy ireo, ary noho ny fahafantarako ny amin' ny fankahalany anareo maharitra mandrakizay noho ny hadisoana maro izay efa nataonareo taminy, noho izany raha midina izy ireo hiady aminareo, dia hamangy anareo amin' ny famongorana tanteraka izy ireo.

5 Noho izany aho dia efa nanoratra ity epistily izay nasian' ny tanako ihany tombo-kase ity, miombon' alahelo raha ny amin' ny fiadanana, noho ny fiorenanareo ao amin' izay inoanareo ho marina, sy ny toe-tsaina mendrika ao aminareo eo amin' ny sahan' ady.

6 Noho izany aho dia manoratra aminareo, maniry ny hano-loranareo amin' ity vahoakako ity ny tanànanareo, ny taninareo, ary ny fanananareo, toy izay hovangian' izy ireo amin-tsabatra ianareo, ka ho tonga aminareo ny famongorana.

7 Na amin' ny teny hafa, aoka hitolo-batana aminay ianareo sy hitambatra aminay ary hanjary hahalala ny "asa miafinay, sy hanjary rahalahinay mba hatonga anareo ho toa anay — tsy ho andevonay, fa ho rahalahinay kosa sy ho mpiombina amin' ny fanananay rehetra.

8 Ary indro, "mianiana aminareo aho, raha manao izany ianareo, miaraka amin' ny velirano, dia tsy hofongorana ianareo; fa raha tsy manao izany kosa ianareo, dia mianiana aminareo amin' ny velirano aho fa amin'

ny volana ambony dia handidy ny miaramilako aho hidina hiady aminareo ary tsy hihazona ny tanany izy ireo ary tsy hitsitsy fa handringana anareo kosa sy hamela ny sabatra hianjera aminareo na dia mandra-pahatonga anareo ho fongana aza.

9 Ary indro, izaho no Gidiania; ary izaho no governoran' ity "fikambanana miafin' i Gadian-tôna ity; dia fikambanana sy ny asany izay fantatro fa ^btsara; ary izany dia efa teo hatry ny ^dfahagolan-tany ary izany dia efa nampitaina taminay.

10 Ary manoratra ity epistily ity ho anao aho, ry Lakôneo, ary manantena aho fa hatolotrareo ny taninareo sy ny fanananareo, tsy misy fandatsahan-dra, ka ity vahoakako ity izay efa niendaka niala taminareo noho ny faharatsianareo tamin' ny fitananareo tsy ho azy ny zony amin' ny governemanta, dia hahazo hizaka indray ny zony sy ny governemanta, ary raha tsy manao izany ianareo, izaho dia hamaly ny hadisoana natao taminy. Izaho no Gidiania.

11 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony nandray izany epistily izany i Lakôneo dia talanjona izaitsizy tokoa izy, noho ny fahasahian' i Gidiania mitaky ny fizakana ny tanin' ny Nefita ary koa mandrahona ny vahoaka sy mamaly ny hadisoana natao tamin' ireo izay tsy nanaovana hadisoana, raha tsy hoe izy ireo no efa "nandiso

3 7a Hel. 6:22–26.

8a Etera 8:13–14.

9a TSM Tsikombakomba

Miafina.

b Almà 30:53.

d Hel. 6:26–30;

Mos. 5:29, 49–52.

11a Hel. 14:30.

ny tenany tamin' ny fiendahana nankany amin' ireo mpandroba ratsy sy vetaveta ireo.

12 Ankehitriny, indro, ity Lakôneo governora ity dia olona marina sy tsy azon' ny fitakiana sy ny fandrahonan' ny "jiolahy ampitahorina; noho izany izy dia tsy nihaino ny epistilin' i Gidiania, ilay governoran' ny jirika, fa nataony kosa izay hitalahoan' ny vahoakany hery tamin' ny Tompo, ho amin' ny fotoana izay hidinan' ny jirika hiady aminy.

13 Eny, nandefa filazana tany anivon' ny vahoaka rehetra izy mba hanangonany miaraka ny andefimandriny sy ny zanany, ny biby fiompiny sy ny fananan' rehetra, afa-tsy ny taniny, hankamin' ny toerana iray.

14 Ary nataony izay hanangana toera-mimanda manodidina, ary ny hamafiny dia tokony ho lehibe izaitsizy tokoa. Ary nataony izay hametrahana miaramila manodidina, na avy tamin' ny Nefita, na avy tamin' ny Lamanita, na avy tamin' ireo rehetra izay noraisina ho isan' ny Nefita, ho mpiambina hiaro azy sy hiambina azy andro aman' alina amin' ny jirika.

15 Eny, hoy izy taminy: Raha velona koa ny Tompo, raha tsy mibebaka amin' ny helokareo ianareo, sy tsy mitalaho amin' ny Tompo, dia tsy ho afahany mihitsy hiala eo an-tanan' ireo jirik' i Gadiantôna ireo ianareo.

16 Ary lehibe sy mahatalanjona loatra ny teny sy ny faminanian'

i Lakôneo ka izany dia nahatonga tahotra teo amin' ny vahoaka manontolo; ary nampiasa ny tenany tamin' ny heriny rehetra izy hanao araka ny tenin' i Lakôneo.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanendry ny lohan' ny kapiteny teo amin' ny miaramilan' ny Nefita rehetra i Lakôneo mba hibaiko azy amin' ny fotoana izay hidinan' ny jirika avy any an-tany foana hiady aminy.

18 Ankehitriny ny lehibe indrindra teo anivon' ny lohan' ny kapiteny rehetra sy ny komandy lehiben' ny miaramilan' ny Nefita rehetra dia notendrena, ary ny anarany dia i "Gidgidônia.

19 Ankehitriny dia fomba teo anivon' ny Nefita rehetra ny manendry ho lohan' ny kapiteny (afa-tsy tamin' ny fotoan' ny faharatsiana teo aminy) anankiray izay nanana ny fanahin' ny fanambarana ary koa ny "faminaniana; koa ity Gidgidônia ity dia mpaminany lehibe teo anivony, torak' izany koa ny lohan' ny mpitsara.

20 Ankehitriny dia hoy ny vahoaka tamin' i Gidgidônia: Mivavaha amin' ny Tompo, ary aoka isika handeha hiakatra any an-tendrombohitra sy any an-tany foana mba hahazoantsika manafika ny jirika sy mamongotra azy any amin' ny taniny ihany.

21 Nefa hoy i Gidgidônia taminy: "Mandrara izany ny Tompo, fa raha mandeha miakatra hiady

amin' isika, dia ^bhatolotry ny Tompo ho eo an-tanany isika; koa hanomana ny tenantsika eo afovoan' ny tanintsika isika ary hiarahantsika mamory avokoa ny miaramilantsika, ary tsy handeha hiady amin' isika fa hian-dry kosa mandra-piaviny hiady amintsika; koa raha velona koa ny Tompo, raha manao izany isika dia hatolony ho eo an-tanantsika izy ireo.

22 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito ambin' ny folo, tamin' ny tapany faran' ny taona, dia efa nandeha eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany ny filazan' i Lakôneo, ary efa nalainy ny soavaliny sy ny kalesiny ary ny biby fiompiny rehetra, na vaventy na madinika, sy ny voamainany ary ny fananany rehetra, ary dia an' arivony sy an' aliny no nandeha mandra-pahatongan' izy rehetra teo amin' ny toerana izay efa notondroina fa hiarahany mivory, hiaro tena amin' ny fahavalony.

23 Ary ny tany izay efa notondroina dia ny tanin' i Zarahemlà sy ny tany izay teo anelanelan' ny tanin' i Zarahemlà sy ny tanin' i Soafeno, eny, hatrany amin' ny faritra izay teo anelanelan' ny tanin' i Soafeno sy ny tany Faharavana.

24 Ary nisy vahoaka an' arivony marobe izay nantsoina hoe Nefita, no niara-nivory tao amin' izany tany izany. Ankehitriny dia nataon' i Lakôneo izay hivoriany miaraka tao amin' ny tany andafiatsimo, noho ny ozona

lehibe izay nisy teo amin' ny "tany andafiavaratra.

25 Ary nanamafy ny tenany izy hanohitra ny fahavalony; ary nitoetra teo amin' ny tany iray, sy tao amin' ny vondrona iray izy, ary natahotra ny teny izay efa notenenin' i Lakôneo izy, hany ka nibebaka tamin' ny fahotany rehetra; ary nanandratra ny fivavany tamin' ny Tompo Andriamaniny izy mba "hanafahany azy amin' ny fotoana izay hidinan' ny fahavalony hiady aminy.

26 Ary feno alahelo izaitsizy tokoa izy noho ny fahavalony. Ary nataon' i Gidgidônia izay hanaovany "fitaovam-piadiana isan-karazany, ary tokony ho mahery izy miaraka amin' ny akanjo aro tena sy miaraka amin' ny ampinga lehibe sy ny ampinga kely, araka ny toroheviny.

TOKO 4

Nandresy ny jirik' i Gadiantôna ny miaramila Nefita — Novonoina i Gidiania ary nahantona i Zemnarià mpandimby azy — Nankalaza ny Tompo ny Nefita noho ny fandresen' ny. Tokony ho 19–22 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny tapany farany ny taona fahavalo ambin' ny folo, dia efa niomana ho amin' ny ady ireo miaramilan' ny jirika ireo ary nanomboka nidina sy nisovoka an-tselika avy tamin' ny vohitra, sy avy tany an-tendrombohitra, ary ny tany foana sy ny toeram-pama-

harany ary ny toera-miafiny, ary nanomboka nandray ny fizakana ny tany izay tao amin' ny tany atsimo sy izay tao amin' ny tany avaratra, ary nanomboka nandray ny fizakana ny tany rehetra izay efa "nilaozan' ny Nefita, sy ny tanàna rehetra izay efa navela ho aolo.

2 Nefa indro, tsy nisy bibidia na remby tamin' ireo tany izay efa nilaozan' ny Nefita ireo, ary tsy nisy remby ho an' ny jirika afa-tsy tany an-tany foana.

3 Ary tsy afaka nivelona afa-tsy tany an-tany foana ny jirika, noho ny filana hanina; satria efa navelan' ny Nefita ho aolo ny taniny, ary efa nanangona ny biby fiompiny sy ny fananany rehetra izy, ka nivondrona ho tena iray.

4 Koa tsy nisy fomba ho an' ny jirika hambaboina sy hahazoana hanina, afa-tsy ny fivoahana hiady an-kitsirano amin' ny Nefita; ary nivondrona ho tena iray ny Nefita sy efa tonga maro an' isa tokoa ary efa nanokana vatsy ho an' ny tenany sy ny soavaly ary ny biby fiompy isan-karazany mba hahazoany mivelona mandritra ny fito taona, dia fotoana izay nanantenany ny hamongorana ny jirika teo amin' ny lafin-tany; ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahavalo ambin' ny folo.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahasivy ambin' ny folo dia nahita i Gidiana fa nilaina ny handehanany miakatra hiady amin' ny Nefita, fa tsy

misy lalana izay hahafahany mivelona raha tsy amin' ny famaboana sy ny fandrohana ary ny famonoana olona.

6 Ary tsy sahiny ny niparitaka eran' ny lafin-tany ka ho afaka mamboly voa, fandrao hisovoka azy; noho izany i Gidiana dia nanome baiko ny miaramilany tamin' io taona io ny handehanany miakatra hiady amin' ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia nan-deha niakatra izy mba hiady; ary izany dia tamin' ny volana fahenina; ary indro, lehibe sy mahatahotra ny andro izay niakaranya mba hiady; ary nisikina izy araka ny fomban' ny jirika; ary nanana hodi-janak' ondry izy teo amin' ny valahany ary nitentina ra sy nokakasana ny lohany, ary nanana satro-by izy; ary lehibe sy mahatahotra ny endriky ny miaramilan' i Gidiana, noho ny akanjo aro tenany sy noho izy nitentina ra.

8 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny endriky ny miaramilan' i Gidiana ny miaramilan' ny Nefita, dia lavo tamin' ny tany avokoa izy, ary nanandratra ny fitalahoany tamin' ny Tompo Andriamaniny mba hitsimbina-ny azy sy hanafahany azy amin' ny tanan' ny fahavalony.

9 Ary ny zava-nitranga, nony nahita izany ny miaramilan' i Gidiana, dia nanomboka nihiaka tamin' ny feo mahery izy, noho ny fifaliany, satria efa noheveriny fa ny Nefita dia lavo

tamin' ny tany noho ny horo-
horon' ny miaramilany.

10 Saingy tamin' izay toe-java-
tra izay dia diso fanantenana izy
fa tsy natahotra azy ny Nefita; fa
"natahotra an' Andriamaniny
kosa izy ary nitalaho Taminy ho
fiarovana; koa nony nirohotra
nankeny aminy ny miaramilan'
i Gidania, dia efa niomana izy
ny hifanandrina taminy; eny,
tamin' ny herin' ny Tompo no
nandraisany azy.

11 Ary nanomboka tamin' io
volana fahenina io ny ady; ary
lehibe sy nahatsiravina ny ady
tamin' izany, eny, lehibe sy
nahatsiravina ny fandripahana
tamin' izany, hany ka tsy nisy
na oviana na oviana fandripa-
hana lehibe toy izany fantatra
teo anivon' ny vahoakan' i Lehia
rehetra hatramin' ny nandao-
zany an' i Jerosalema.

12 Ary na dia teo aza ny "fan-
drahonana sy ny fianianana izay
efa nataon' i Gidania dia indro,
nandresy azy ny Nefita, hany
ka nihemotra teo anoloany izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia
nodidian' i "Gidgidônia ny ha-
nenjehan' ny miaramilany azy
hatrany amin' ny sisintanin' ny
tany foana sy ny tsy hitsitsiany
izay mety hianjera eo an-tanany
eny an-dalana; ary dia toy izany
no nanenjehany azy sy nandrin-
ganany azy, hatrany amin' ny
sisintanin' ny tany foana man-
dra-pahatanterahany ny didin'
i Gidgidônia.

14 Ary ny zava-nitranga, i
Gidania izay efa nijoro sy niady

tamim-pahasahiana dia nenje-
hina raha nandositra; ary reraka
izy noho izy niady fatratra ka
tratra sy novonoina. Ary dia toy
izany no niafaran' i Gidania,
ilay jiolahy.

15 Ary ny zava-nitranga dia
niverina indray tany amin' ny
toerany azo antoka ny miara-
milan' ny Nefita. Ary ny zava-
nitranga dia lasana izany taona
fahasivy ambin' ny folo izany
ary ny jirika dia tsy niverina
indray mba hiady; sady tsy ni-
verina koa izy tamin' ny taona
faharoapolo.

16 Ary tamin' ny taona fahi-
raika amby roapolo dia tsy nia-
katra izy mba hiady fa niakatra
kosa avy tamin' ny lafiny rehe-
tra izy mba hanao fahirano sy
hanemitra manodidina ny va-
hoakan' i Nefia; satria noheve-
riny fa raha hosarahiny amin'
ny taniny ny vahoakan' i Nefia
sy hotemeriny amin' ny lafiny
rehetra izy, ary raha hosarahiny
amin' ny tombontsoany rehetra
etỳ ivelany izy, dia ho azony
atao ny mampikoa ny nahiny
azy araka ny faniriany.

17 Ankehitriny dia efa noten-
dreny ny mpitondra iray hafa
ho azy, izay i Zemnarià no ana-
rany; noho izany dia i Zemnarià
no nanao izay hahatanteraka
ity fahirano ity.

18 Nefa indro izany dia nanja-
ry tombony ho an' ny Nefita;
fa tsy azon' ny jirika atao ny
manao fahirano maharitra ela
tokoa ka mety hanana fiantra-
kany amin' ny Nefita, noho ny

vatsiny betsaka izay efa nango-niny hotehirizina,

19 Ary noho ny tsy fahampian' ny vatsy teo anivon' ny jirika; satria indro, tsy nanana na inona na inona afa-tsy hena izy ho fivelomany, dia hena azony tany an-tany foana;

20 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nahalana ny “bibidia tany an-tany foana, hany ka efa nila ho fatin' ny hanoanana ny jirika.

21 Ary ny Nefita dia nandeha nivoaka tsy tapaka na andro na alina, sy nisovoka ny miaramilany ary nijinja an' arivony sy an' aliny taminy.

22 Ary dia toy izany no nahatonga ny fanirian' olon' i Zemnarià hanatsoaka ny fikasany, noho ny famongorana lehibe izay nihatra taminy na andro na alina.

23 Ary ny zava-nitranga dia nanome baiko ny olony i Zemnarià hiesoran' ny tenany amin' ny fahirano sy handeha-nany mankamin' ny faritra lavitra indrindra amin' ny tany andafiavaratra.

24 Ary ankehitriny, rehefa nahalala ny amin' ny fikasany i Gidgidônia ary nahafantatra ny amin' ny fahalemeny noho ny filany hanina sy ny fandripahana lehibe izay efa nahatra taminy, dia nandefa ny miaramilany izy tamin' ny andro alina sy nanapaka ny lalana hiemorany ary nametraka ny miaramilany tamin' ny lalana hiemorany.

25 Ary izany dia nataony ta-

min' ny andro alina, ary tonga tany ankoatra ny jirika ny diany, hany ka ny ampitso, rehefa namboka ny diany ny jirika, dia nifandafaran' ny miaramilany ny Nefita teo alohany sy tao aoriana izy.

26 Ary ny jirika izay tao atsimo dia nosarahina koa tamin' ny toerana hiemorany. Ary ireo zavatra rehetra ireo dia vita noho ny baikon' i Gidgidônia.

27 Ary nisy an' arivony maro no nitolo-batana ho babo tamin' ny Nefita, ary ny sisa taminy dia novonoina.

28 Ary i Zemnarià mpitondra azy dia nalaina sy nahantona tambony hazo, eny, dia teny an-tendrony mandra-pahafatiny. Ary nony efa nahantony izy mandra-pahafatiny dia nalavony tamin' ny tany ny hazo no nihiaka tamin' ny feo mahery izy hoe:

29 Enga anie ny Tompo ka hitahiry ny olony ao amin' ny fahamarinana sy ao amin' ny fahamasinan' ny fo mba hahazoany mampianjera amin' ny tany izay rehetra mikatsaka ny handripaka azy noho ny hery sy ny tsikombakomba mifafina, dia tahaka ny efa nianjeran' ity lehilahy ity tamin' ny tany.

30 Ary izy dia nifaly sy nihiaka tamin' ny feo tokana indray, nanao hoe: Enga anie ny “Andriamanitr' i Abrahama sy ny Andriamanitr' i Isaka, ary ny Andriamanitr' i Jakoba hiaro ity vahoaka ity ao amin' ny fahamarinana, raha mbola ^bhiantso

ny anaran' ny Andriamaniny izy ho fiarovana.

31 Ary ny zava-nitranga dia nitroatra toy ny olona iray ihany izy rehetra, tamin' ny fihirana sy "fankalazana ny Andriamaniny, noho ny zavatra lehibe izay efa nataony ho azy, tamin' ny fitehirizany azy tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalony.

32 Eny, dia niantso izy hoe: "Hosana ho an' Andriamanitra Avo Indrindra. Ary niantso izy hoe: Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra Tompo ^bTsitoha, Andriamanitra Avo Indrindra.

33 Ary ny fony dia nivonton-kafaliana ka nirotsaka ny rano-maso be, noho ny halehiben' ny hatsaran' Andriamanitra tamin' ny nanafahany azy tamin' ny tanan' ny fahavalony; ary nahafantatra izy fa noho ny fibe-bahany sy ny fanetreny tena no efa nanafahana azy tamin' ny famongorana maharitra mandrakizay.

TOKO 5

Nibebaka sy nahafofy ny fahotany ny Nefita — Nanoratra ny tantaran' ny vahoakany i Môrmôna ary nanambara taminy ny teny maharitra mandrakizay — Hanganina avy amin' ny fielezany ela i Isiraely. Tokony ho 22–26 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny indro, tsy nisy na dia olona iray aza, teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita rehetra, izay niroanahana na dia kely akory aza ny amin' ny

tenin' ny mpaminany masina rehetra izay efa niteny; satria fantany fa tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy hahatanteraka ireny.

2 Ary fantany fa tsy maintsy ilaina ny efa niavian' i Kristy, noho ny famantarana maro izay efa nomena, araka ny tenin' ny mpaminany; ary noho ny zavatra izay efa nitranga sahady dia fantany fa tsy maintsy ilaina ny hitrangan' ny zava-drehetra araka izay efa nolazaina.

3 Koa nahafofy ny fahotany sy ny fahavetavetany ary ny fijangajangany rehetra izy, ary nanompo an' Andriamanitra andro aman' alina tamin' ny fahazotoana rehetra.

4 Ary ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nalainy avokoa ny jiolahy babo, hany ka tsy nisy nandositra tamin' ireo izay tsy novonoina, dia natsipiny tao am-ponja ny babony, ary nasainy notoriana taminy ny tenin' Andriamanitra; ary izay rehetra nibebaka tamin' ny fahotany sy nanao dina fa tsy hamono olona intsony dia "nafahana.

5 Fa izay rehetra tsy nanao dina kosa sy izay mbola nitozo tamin' ny fitanana ireny famonoana miafina ireny tao ampony, eny, izay rehetra hita ho nifofo fandrahonana tamin' ny rahalahiny dia nohelohina sy nafaizina araka ny lalàna.

6 Ary dia nasiany farany toy izany ireo tsikombakomba ratsy sy miafina ary vetaveta rehetra ireo, izay nisy faharatsiana be

31a Almà 26:8.
TSM Misaoatra.

32a TSM Hosana.
b 1 Ne. 1:14.

TSM Andriamanitra.
5 4a TSM Fahalalahana.

tokoa sy nahavitana vonoan' olona maro tokoa.

7 Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny taona "faharoa amby roapolo sy ny taona fahatelo amby roapolo koa, ary ny fahefatra amby roapolo sy ny fahadimy amby roapolo; ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny dimy amby roapolo taona;

8 Ary nisy zavatra maro nitranga izay, teo imason' ny sasany, dia toa lehibe sy mahatalanjona; na dia teo aza izany, dia tsy hay soratana ao anatin' ity boky ity izy rehetra ireny; eny, ity boky ity dia tsy afaka hitahiry na dia ny "ampahazaton' izay efa vita teo anivon' ny vahoaka maro tokoa nandritra ny dimy amby roapolo taona;

9 Nefa indro misy ny "rakitsoratra izay mitahiry avokoa ny fanaon' ity vahoaka ity; ary ny fitantarana fohy kokoa nefa marina no nomen' i Nefia.

10 Koa efa nataoko ny rakitsoratro ny amin' ireny zavatra ireny araka ny rakitsoratr' i Nefia, izay nosokirina teo amin' ny takelaka izay nantsoina hoe ny takelak' i Nefia.

11 Ary indro, izaho dia manao ny rakitsoratra eo amin' ny takelaka izay efa nataon' ny tanako ihany.

12 Ary indro, izaho dia antsoina hoe "Môrmôna, rehefa nantsoina araka ny ^btanin' i Môrmôna, tao amin' ny tany izay nanorenan' i Almà ny

fiangonana teo anivon' ny vahoaka, eny, ny fiangonana vao-lohany izay naorina teo anivony taorian' ny fandikany lalàna.

13 Indro, izaho dia mpianatr' i Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra. Efa nantsoiny aho hanambara ny teniny eo anivon' ny vahoakany mba hahazoany manana ny fiainana maharitra mandrakizay.

14 Ary efa nanjary mahasoana, araka ny sitrapon' Andriamanitra, ny hanaovako "rakitsoratra iray momba ireny zavatra efa vita ireny mba hahatanteraka araka ny finoany ny vavak' ireo izay efa lasana hatrizao, izay olo-masina—

15 Eny, rakitsoratra kely momba izay efa nitranga hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema ka hatramin' izao fotoana izao.

16 Noho izany aho dia manao ny rakitsoratro avy amin' ny fitantarana izay efa nomen' ireo izay teo alohako, hatramin' ny fiandohan' ny androko;

17 Ary avy eo aho dia manao "rakitsoratra ny amin' ny zavatra izay efa hitan' ny masoko ihany.

18 Ary fantatro fa ny rakitsoratra izay ataoko dia rakitsoratra marina sy tena izy; na dia eo aza izany, dia misy zavatra maro izay, araka ny fiteninay, tsy hainay "soratana.

19 Ary ankehitriny aho dia mararana ny filazako izay momba ny tenako ary miroso amin' ny

7a 3 Ne. 2:8.
8a 3 Ne. 26:6-12.
9a Hel. 3:13-15.

12a Môrm. 1:1-5.
b Môsià 18:4; Almà 5:3.
14a Enôsa 1:13-18;

F&F 3:19-20.
17a Môrm. 1:1.
18a Etera 12:25.

fanomezana ny fitantarako ny zavatra izay efa nisy talohako.

20 Izaho no i Môrmôna sy tamingan' i Lehia madiodio. Manana antony hankalazana an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy ahy aho, noho ny nitondrany ny razanay niala ny tanin' i Jerosalema (ary "tsy nisy nahafantatra izany afa-tsy ny tenany sy ireo izay nentiny niala izany tany izany) sy noho ny efa nanomezany ahy sy ny oloko fahalalana be tokoa ho famonjena ny fanahinay.

21 Efa nitahy marina tokoa ny "mpianakavin' i ^bJakoba Izy sy efa feno "famindram-po tamin' ny taranak' i Josefa.

22 Ary "arakaraka ny efa nitandreman' ny zanak' i Lehia ny didiny no efa nitahiny azy sy nampiroboroboany azy araka ny teniny.

23 Eny, ary Izy hitondra marina tokoa indray ny "sisà tavela amin' ny taranak' i Josefa ho amin' ny ^bfahalalana ny Tompo Andriamaniny.

24 Ary raha velona marina tokoa ny Tompo, dia "hanganiny avy amin' ny vazan-tany efatra ny sisà tavela rehetra amin' ny taranak' i Jakoba, izay miely patrana lavitra eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

25 Ary toy ny efa nanaovany fanekempihavanana tamin' ny mpianakavin' i Jakoba rehetra, dia toy izany koa no hahatante-

raka amin' ny fotoana mahame-ty izany Aminy ny fanekempihavanana izay efa nifanekeny tamin' ny mpianakavin' i Jakoba, ho "famerenana ny mpianakavin' i Jakoba rehetra amin' ny fahalalana ny fanekempihavanana izay efa nifanekeny taminy.

26 Ary amin' izany dia ho "fantany ny Mpanavotra azy dia i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra; ary amin' izany dia hangonina avy amin' ny vazan-tany efatra hankamin' ny taniny ihany izy, izay avy tany no efa nanelezana azy; eny, raha velona koa ny Tompo, dia ho to izany. Amena.

TOKO 6

Niroborobo ny Nefita—Nipoitra ny avonavona, ny harena sy ny tsy fitovian-tsaranga—Nosamatsamahan' ny fisaraham-bazana ny fiangonana—Nitarika ny olona ho amin' ny fikomiana an-kitsirano i Satana—Niantso fibebahana ny mpaminany maro ary novonoina—Nioko ny haka ny governemanta ny mpamono azy ireo. Tokony ho 26–30 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niverina tany amin' ny taniny avokoa ny vahoakan' ny Nefita tamin' ny taona fahenina amby roapolo, ny olona tsirairay dia niaraka tamin' ny ankohonany, ny biby fiompiny sy ny

20a 1 Ne. 4:36.
21a TSM Israely.
b Gen. 32:28.
d Deot. 33:13–17.
22a 2 Ne. 1:20.

23a Almà 46:24.
b 2 Ne. 3:12.
24a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

25a 3 Ne. 16:5.
26a 2 Ne. 30:5–8;
3 Ne. 20:29–34.

soavaliny ary ny biby hafa, sy ny zava-drehetra na inona na inona nananany.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy nolaniany avokoa ny vatsiny; koa nalainy hiaraka taminy izay rehetra tsy nohaniny, tamin' ny voamainany isan-karazany sy ny volamenany ary ny volafotsiny sy ny zava-tsarobidiny rehetra, ary niverina tany amin' ny taniny sy ny fananany ihany izy ireo, na tao avaratra na tao atsimo, na tao amin' ny tany andafiavaratra na tao amin' ny tany andafiatsimo.

3 Ary nomeny tany ireo jiolahy izay efa nanao dina ny hitandrina ny fandriampahaleman' ny tany, izay naniry ny hijanona Lamanita, araka ny isany mba hahazoany manana izay hivelomany amin' ny asany; ary dia toy izany no efa nampiorenanany fandriampahalemana teo amin' ny tany manontolo.

4 Ary nanomboka niroborobo indray izy ka nihalehibe; ary lasana ny taona fahenina sy fahafito amby roapolo, ary nisy filaminana lehibe teo amin' ny tany; ary efa novolavolainy araka ny hitsiny sy ny rariny ny lalàny.

5 Ary ankehitriny dia tsy nisy na inona na inona eran' ny tany manontolo nisakana ny olona tsy hiroborobo lalandava, raha tsy ny fianjerany tao amin' ny fandikan-dalàna.

6 Ary ankehitriny dia i Gidgîdônia sy i Lakôneo mpitsara ary ireo izay efa notendrena ho

mpitondra no efa nampiorina izany fandriampahalemana lehibe izany teo amin' ny tany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nisy tanàna maro nohavaozina sy nisy tanàna tranainy maro narenina.

8 Ary nisy arabe maro novakiana ary lalàna maro natao, izay nampifandray ny isan-tanàna sy ny isam-paritra ary ny isan-toerana.

9 Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny taona fahavalo amby roapolo, ary nanana fandriampahalemana lalandava ny vahoaka.

10 Nefa ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby roapolo dia nanomboka nisy ny fifanjihirana teo anivon' ny vahoaka; ary ny sasany dia efa tafasondrotra tao amin' ny "avonavona sy ny fireharehana noho ny haren' betsaka izaitsizy tokoa, eny, tonga hatrany amin' ny fanenjehana be aza;

11 Fa nisy mpivarotra maro teo amin' ny tany, ary koa mpa-hay lalàna maro sy manamboninahitra maro.

12 Ary nanomboka ho niavaka araka ny saranga ny olona, araka ny "haren' sy ny fahafahany mianatra; eny, ny sasany dia tsy nanam-pahalalana noho ny fahantrany ary ny hafa dia nandray fianarana be noho ny haren'.

13 Ny sasany dia efa nisondrotra tao amin' ny avonavona ary ny hafa dia efa nietry izaitsizy tokoa; ny sasany dia namaly

ompa ny ompa, raha ny hafa kosa nandray ny ompa sy ny “fanenjehana ary ny karazam-pahoriana rehetra ary tsy namaly sy tsy ^bnaniratsira akory, fa niety sy nivalo kosa teo anoloan’ Andriamanitra.

14 Ary dia toy izany no nisian’ ny tsy fitoviana lehibe teo amin’ ny tany manontolo, hany ka ny fiangonana dia nanomboka nivakivaky; eny, hany ka tamin’ ny taona fahatelo izany, no naha-tao amin’ ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina azy.

15 Ankehitriny ny fototr’ izany heloky ny vahoaka izany dia izao—i Satana dia nanana fahefana lehibe tamin’ ny famokisana ny vahoaka hanao ny karazana heloka rehetra sy ny fanabontsinana azy tamin’ ny avonavona, naka fanahy azy mba hikatsaka hery sy fahefana sy harena ary ny zava-poanan’ izao tontolo izao.

16 Ary dia toy izany no nitarihan’ i Satana ny fon’ ny vahoaka hanao ny karazana heloka rehetra; koa tsy nankafy fandriampahalemana izy afa-tsy taona vitsivitsy.

17 Ary dia toy izany, tamin’ ny fiandohan’ ny taona fahatelo

polo—rehefa navela nandritra ny fotoana ela ny vahoaka havezivezin’ ny “fakam-panahin’ ny devoly, na taiza na taiza nirian’ hitondrana azy, mba hanao ny heloka rehetra nirian’ hataony — ary dia toy izany, tamin’ ny fiandohan’ izany taona fahatelo izany, no naha-tao amin’ ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina azy.

18 Ankehitriny izy dia tsy nanota tao amin’ ny “tsy fahalalana, satria fantany ny sitrapon’ Andriamanitra momba azy, satria efa nampianarina azy izany; noho izany izy dia efa ^bnikomy an-kitsirano tokoa tamin’ Andriamanitra.

19 Ary ankehitriny, izany dia tamin’ ny andron’ i Lakôneo, ilay zanakalahin’ i Lakôneo, fa i Lakôneo no nandray ny toerandrainy sy nitondra ny vahoaka tamin’ izany taona izany.

20 Ary nanomboka nisy lehilahy “nentanin’ ny lanitra sy nirahina, nijoro teo anivon’ ny vahoaka teo amin’ ny tany manontolo, nitory sy nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin’ ny fahotana sy ny heloky ny vahoaka, ary nanambara taminy ny momba ny fanavotana izay hataon’ ny Tompo ho an’ ny olony, na amin’ ny teny hafa, ny fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty; ary izy ireny dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin’ ny ^bfahafatesany sy ny fahoriany.

13a TSM Fanenjehana.
b Mat. 5:39;
4 Ne. 1:34;
F&F 98:23–25.

14a TSM Fahazotoana.
17a TSM Fakam-panahy.
18a Môsià 3:11.
b TSM Fikomiana.

20a TSM Fitaoman’ ny
Fanahy; Mpaminany.
b TSM Sorompanavo-
tana; Fanomboana.

21 Ankehitriny dia nisy maro tamin' ny vahoaka no tezitra izaitsizy tokoa noho ireo izay nanambara ny amin' ireny zavatra ireny; ary ireo izay tezitra dia nahitana indrindra ireo lohan' ny mpitsara ary ireo "izay efa mpisorona avo sy mpahay lalàna; eny, ireo rehetra ireo izay mpahay lalàna dia tezitra tamin' ireo izay nanambara ny amin' ireny zavatra ireny.

22 Ankehitriny dia tsy nisy mpahay lalàna na mpitsara na mpisorona avo izay afaka ny hanam-pahefana hanameloka na iza na iza ho faty, raha tsy efa nosoniavin' ny governoran' ny tany ny fanamelohany.

23 Ankehitriny dia nisy maro tamin' ireo izay nanambara ny amin' ny zavatra mikasika an' i Kristy, izay nanambara tamimpahasahiana tokoa, no nalaina sy novonoin' ny mpitsara antsosokoko ho faty, ka ny fahafantarana ny amin' ny fahafatesany dia tsy tonga tany amin' ny governoran' ny tany raha tsy taorian' ny fahafatesany.

24 Ankehitriny, indro, nifanohitra tamin' ny lalàn' ny tany ny hamonoana ho faty na iza na iza olona, raha tsy nanana fahefana avy tany amin' ny governoran' ny tany izy —

25 Koa tonga tao an-tanin' i Zarahemlà, tao amin' ny governoran' ny tany, ny fitarainana nanohitra ireo mpitsara ireo izay efa nanameloka ny mpa-

minanin' ny Tompo ho faty tsy araka ny lalàna.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nalaina sy nentina teo anoloan' ny mpitsara izy ireo mba hotsaraina noho ny heloka izay efa nataony, araka ny "lalàna izay efa nomen' ny vahoaka.

27 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nanana namana sy havana maro ireo mpitsara ireo; ary ny sisa, eny, saika ny mpahay lalàna rehetra sy ny mpisorona avo, dia niara-nifamory sy nitambatra tamin' ny havan' ireo mpitsara izay hotsaraina araka ny lalàna ireo.

28 Ary dia nifanao "dina izy samy izy, eny, dia ilay dina nomen' ireo tamin' ny fahagolan-tany, dina izay nomena sy nampanaoavin' ny ^bdevoly mba hiraiana tsikombakomba hanoherana ny fahamarinana rehetra.

29 Koa izy ireo dia niray tsikombakomba hanohitra ny vahoakan' ny Tompo ary nifanao dina ny hamongotra azy sy ny hanafaka ireo izay meloka noho ny vonoan' olona tamin' ny fihazonan' ny fitsarana, izay efa nadiava hampiharina araka ny lalàna.

30 Ary izy ireo dia nanao fihantsiana ny lalàna sy ny satan' ny taniny; ary nifanao dina izy samy izy mba hamongotra ny governora sy hanangana "mpanjaka eo amin' ny tany, ka ny tany dia tsy ho ao amin' ny fahafahana intsony fa ho eo ambany fifehezan' ny mpanjaka.

21a F&F 121:36–37.
TSM Apôstazia.
26a Môsià 29:25;

Almà 1:14.
28a TSM Tsikombakomba
Miafina.

^b Hel. 6:26–30.
30a 1 Sam. 8:5–7;
Almà 51:5.

TOKO 7

Nisy namono ny lohan' ny mpitsara, noravana ny governemanta, ary nizarazara ho foko ny vahoaka —Nanjary mpanjakan' ny tsikombakomba mifafina i Jakôba, ilay antikristy —Nitory ny fibebahana sy ny finoana an' i Kristy i Nefia —Nanompo azy isan' andro ny anjely, ary nanangana ny rahalahiny tamin' ny maty izy—Nibekaka ny maro ary natao batista. Tokony ho 30–33 taorian' i J.K.

ANKEHITRINY, indro, hasehoko anareo fa tsy nanangana mpanjaka teo amin' ny tany izy ireo; nefa tamin' io taona io ihany, eny, ny taona fahatelo, dia nandringana tao amin' ny toeram-pitsarana izy ireo, eny, novonoiny ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

2 Ary nizarazara nifanohitra izy samy vahoaka; ary nisara-tsaraka ho foko izy samy izy, ny olona tsirairay dia araka ny fianakaviany sy ny havany ary ny namany; ary dia toy izany no nandravany ny governemanta teo amin' ny tany.

3 Ary ny foko tsirairay dia nanendry ny filoha na ny mpi-tondra teo aminy; ary dia toy izany no nahatonga azy ho foko sy mpitondra foko.

4 Ankehitriny, indro, tsy nisy olona teo anivony, izay tsy nana fianakaviana be sy havana ary namana maro; koa ny foko-

ny dia nanjary lehibe izaitsizy tokoa.

5 Ankehitriny izany rehetra izany dia vita, ary tsy mbola nisy ady akory teo anivony; ary efa tonga teo amin' ny vahoaka izao heloka rehetra izao noho ny "nanolorany ny tenany ho an' ny fahefan' i Satana.

6 Ary rava ny fitsipi-pitondran' ny governemanta, noho ny "tsikombakomba mifafin' ny namana sy ny havan' ireo izay namono ny mpaminany.

7 Ary izy ireo dia namelona fifandirana lehibe teo amin' ny tany, hany ka ny ampahany marina kokoa tamin' ny vahoaka dia efa saika tonga ratsy avokoa; eny, tsy nisy afa-tsy vitsivitsy ny olo-marina teo anivony.

8 Ary tsy nisinda toy izany akory ny enin-taona hatramin' ny efa nivilian' ny ampahany marina kokoa tamin' ny vahoaka tamin' ny fahamarinany, tahaka ny alika miverina amin' ny "loany, na tahaka ny kisoavavy mitsilailay ao amin' ny fotaka.

9 Ankehitriny ity tsikombakomba mifafina ity izay efa nintondra heloka lehibe tokoa teo amin' ny vahoaka dia namory azy miaraka sy nametraka ho filohany ny lehilahy iray izay nantsoiny hoe Jakôba;

10 Ary nantsoiny ho mpanjakany izy; noho izany dia tonga mpanjaka teo amin' ity tarika ratsy ity izy; ary izy dia iray tamin' ny lohany indrindra izay efa nanome ny feony nanohitra

ny mpaminany izay nanambara ny amin' i Jesoa.

11 Ary ny zava-nitranga dia tsy maro an' isa firy izy ireo, toy ireo fokon' ny vahoaka, izay niara-nitambatra, saingy ireo mpitondrany no nanao ny lalàny, ny tsirairay araka ny fokony; na dia teo aza izany dia mpifahavalo izy ireo; na dia vahoaka tsy marina aza izy dia niray hina kosa tamin' ny fankahalana an' ireo izay efa nifanao dina fa handrava ny governemanta.

12 Koa, rehefa nahita i Jakôba fa maro kokoa ny fahavalony noho izy ireo, amin' ny mahanpanjakan' ny tarika azy dia nandidy ny olony izy ny handosirany mankamin' ny faritra farany avaratra indrindra amin' ny tany, sy ny hanorenany ho an' ny tenan' izy ireo "fanjakana iray ao, ambara-pikamban' ny mpiendaka aminy, (fa izy dia nanasohaso azy ireo mba ho maro ny mpiendaka) sy ambarapahatonga azy ireo ho matanjaka tsara ka hifanandrina amin' ny fokon' ny vahoaka; ary dia nataony izany.

13 Ary haingana loatra ny diany ka tsy hay nosakanana ambara-pahatonga azy ireo tsy ho tratran' ny vahoaka intsony. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo; ary dia toy izany no raharahan' ny vahoakan' i Nefia.

14 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika amby telolo, dia nizarazara ho foko izy, ny olona tsirairay dia araka-

raka ny fianakaviany, ny havany sy ny namany avy; na dia teo aza izany, dia efa tonga tamin' ny fifanekena izy fa tsy hifamaky ady izy samy izy; nefa dia tsy niraisany raha ny momba ny lalàny sy ny endriky ny governemantany, fa ireny dia efa natsangana araka ny sain' ireo izay filohany sy mpitondra azy. Nefa nanao lalàna tena henjana izy fa ny foko iray dia tsy hantsakitsaka ny iray hafa, hany ka somary nanana fandriampahalemana ihany izy teo amin' ny tany; na dia teo aza izany, ny fony dia efa nivily niala ny Tompo Andriamaniny, ka dia notorahany vato ny mpaminany ary noroahany izy ireny hiala avy teo anivony.

15 Ary ny zava-nitranga dia i "Nefia—rehefa novangian' ny anjely ary koa ny feon' ny Tompo, koa rehefa nahita anjely sy nanatri-maso ary nanana fahafana nomena azy mba hahazoany mahalala ny momba ny asa fanompoan' i Kristy, ary koa nanatri-maso ny fiverenany faingana avy tamin' ny fahamarinana nankamin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany;

16 Koa rehefa nalahelo izy noho ny hamafin' ny fony sy ny fahajamban' ny sainy—dia nandeha tany anivony izy tamin' io taona io ihany ary nanomboka nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin' ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo.

17 Ary nampianariny azy ny zavatra maro; ary ny rehetra amin' ireny dia tsy hay soratana, ary ny ampahany amin' ireny dia tsy ho ampy, koa ireny dia tsy voasoratra ao amin' ity boky ity. Ary i Nefia dia nampianatra tamin' "kery sy fahefana lehibe.

18 Ary ny zava-nitranga dia tezitra taminy izy ireo, satria nananany ny hery lehibe kokoa noho izy ireo, satria "tsy vitan' izy ireo ny hahafahan' izy ireo tsy hino ny teniny, fa lehibe loatra ny finoany an' i Jesoa Kristy Tompo ka ny anjely dia nanompo azy isan' andro.

19 Ary tamin' ny anaran' i Jesoa no nandroahany hiala ny devoly sy ny "fanahy maloto; ary na dia ny rahalahiny aza dia natsangany tamin' ny maty, taorian' ny efa nitoraham-bato azy sy niaretany fahafatesana tamin' ny alalan' ny vahoaka.

20 Ary nahita izany ny vahoaka ary vavolombelon' izany sy tezitra taminy noho ny heriny; ary nanao "fahagagana maro hafa koa izy, teo imason' ny vahoaka, tamin' ny anaran' i Jesoa.

21 Ary ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahiraika amby telopolo ary tsy nisy afa-tsy vitsivitsy no niova fo ho an' ny Tompo; fa izay rehetra niova fo kosa dia naneho tamin' ny vahoaka fa izy dia efa novangiana tamin' ny hery sy ny Fanahin' Andriamanitra, izay tao amin' i Jesoa Kristy izay ninoany.

22 Ary izay rehetra nanana devoly noroahina hiala taminy sy nositrana tamin' ny aretany sy ny rofiny dia naneho marina tokoa tamin' ny vahoaka fa izy dia efa niasan' ny Fanahin' Andriamanitra ary efa nositrana; ary izy dia naneho famantarana koa sy nanao fahagagana teo anivon' ny vahoaka.

23 Dia toy izany no nahalasan' ny taona faharoa amby telopolo koa. Ary i Nefia dia niantso ny vahoaka tamin' ny fiandohan' ny taona fahatelo amby telopolo; ary izy dia nitory ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana taminy.

24 Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo koa, fa tsy nisy na dia iray aza izay nentina nankamin' ny fibebahana ka tsy natao "batisa tamin' ny rano.

25 Noho izany dia nisy ireo lehilahy izay notendren' i Nefia ho amin' io asa fanompoana io, ka izay rehetra hanatona azy ireo dia hatao batisa amin' ny rano, ary izany dia ho vavolombelona sy ho fanambarana eo anoloan' Andriamanitra sy amin' ny vahoaka, fa izy ireo dia efa nibebaka sy nandray ny "famelana ny fahotany.

26 Ary nisy maro tamin' ny fiandohan' io taona io no natao batisa ho amin' ny fibebahana; ary dia toy izany no nahalasan' ny ampahany be tamin' ny taona.

17a TSM Hery.

18a 2 Ne. 33:1; Almà 4:19.

19a TSM Fanahy—Fanahy

ratsy.

20a 3 Ne. 8:1.

24a TSM Batisa.

25a F&F 20:37.

TSM Famelana ny
Fahotana.

TOKO 8

Nanamarina ny fanomboana an' i Kristy ny tafiotra, ny horohon-tany, ny afo, ny tadio ary ny loza voajanahary—Nofongorana ny vahoaka maro—Nandrakotra ny tany hateloana ny haizina—Nitaraina ny anjarany ireo izay nijanona. Tokony ho 33–34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, araka ny rakitsoratrany, ary fantatrany fa marina ny rakitsoratrany, dia indro, lehilahy marina no nitana ny rakitsoratra—fa izy dia nanao “fahagagana maro marina tokoa tamin’ ny ^banaran’ i Jesoa; ary tsy nisy lehilahy izay ho afaka nanao fahagagana tamin’ ny anaran’ i Jesoa raha tsy efa nodiovina tanteraka tamin’ ny helony izy—

2 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, raha tsy nisy hadisoana nataon’ izany lehilahy izany tamin’ ny fikajiana ny fotoanay, dia efa lasana ny “taona fahatelo amby telopolo;

3 Ary nanomboka niandrandra tamim-pahamaimaizana be ny famantarana izay efa nomen’ i Samoela mpaminany, ilay Lamanita ny vahoaka, eny, ny fotoana izay hisian’ ny “haizina mandritra ny telo andro eran’ ny lafin-tany.

4 Ary nanomboka nisy fisalasalana sy fifanjahirana be teo anivon’ ny vahoaka, na dia teo

aza ny “famantarana maro tokoa efa nomena.

5 Ary ny zava-nitranga tamin’ ny taona fahefatra amby telopolo, tamin’ ny volana voalohany, tamin’ ny andro fahefatra ny volana, dia niforona ny orambaratra lehibe, toy izay tsy mbola fahita na oviana na oviana teo amin’ ny tany manontolo.

6 Ary nisy koa tafio-drivotra lehibe sy mahatahotra; ary nisy ny “varatra mahatahotra, hany ka izany dia ^bnampihovitrovitra ny tany manontolo miova tsy ny efa hampitresaka roa azy.

7 Ary nisy ny tselatra mazava izaitsizy tokoa, toy izay tsy mbola fahita na oviana na oviana teo amin’ ny tany manontolo.

8 Ary ny “tanànan’ i Zarahemlà dia nirehitra.

9 Ary ny tanànan’ i Môrônia dia nilentika tany amin’ ny halalin’ ny ranomasina, ary rendrika ny mponina tao.

10 Ary nentina niainga teo ambonin’ ny tanànan’ i Môrônihà ny tany, ka teo amin’ ny toeran’ ny tanàna dia nanjary nisy tendrombohitra lehibe.

11 Ary nisy faharavana lehibe sy mahatahotra tao amin’ ny tany andafiatsimo.

12 Nefa indro, nisy faharavana lehibe sy mahatsiravina kokoa tao amin’ ny tany andafiavara; fa indro, niova ny lafin-tany manontolo, noho ny tafio-drivotra sy ny tadio, ary ny varatra sy ny tselatra, ary ny fihorohoro

8 1a 3 Ne. 7:19–20;
Môrm. 9:18–19.
b Asa 3:6; Jakôba 4:6.
2a 3 Ne. 2:8.

3a 1 Ne. 19:10;
Hel. 14:20, 27;
3 Ne. 10:9.
4a TSM Fanomboana.

6a 1 Ne. 19:11;
Hel. 14:21.
b Mat. 27:45, 50–51.
8a 4 Ne. 1:7–8.

lehibe izaitsizy tokoa an' ny tany manontolo;

13 Ary ny "arabe dia nivakivaky, ary ny tantan' ny lalana dia simba, ary ny toerana marintampona maro dia nanjary nikintoantoana.

14 Ary ny tanàna lehibe sy malaza maro dia "nilentika, ary maro no nodorana, ary maro no nohozongozonina ambara-pianjeran' ny fanorenany tamin' ny tany, ary ringana ny mponina tao aminy, ary navela ho aolo ny toerana.

15 Ary nisy ny tanàna sasany izay tafatoetra; nefa ny fahasimbana taminy dia lehibe izaitsizy tokoa, ary nisy maro tao aminy no ringana.

16 Ary nisy ny sasany izay nindaosin' ny tadio; ary izay nalehany dia tsy misy olona mahalala, ny hany fantany dia nindaosina izy ireny.

17 Ary dia nanjary nihasimba toy izany ny lafin' ny tany manontolo, noho ny tafio-drivotra sy ny varatra sy ny tselatra ary ny fihorohoron' ny tany.

18 Ary indro, nitresaka roa ny "vatolampy; nivakivaky izany teo amin' ny lafin' ny tany manontolo, hany ka hahitana ny silany potipotika sy nitriatriatra ary nitsefatsefaka teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

19 Ary ny zava-nitranga rehefa nitsahatra ny varatra, sy ny tselatra, ary ny oram-baratra sy ny tafio-drivotra, ary ny fihorohoron' ny tany — fa indro, ireny

dia naharitra "ora telo teo ho eo; ary nolazain' ny sasany fa lava kokoa ny fotoana; kanefa, ireny zavatra lehibe sy mahatahotra rehetra ireny dia vita tao anatin' ny ora telo teo ho eo — ary taorian' izany dia indro, nisy haizina teo amin' ny lafin-tany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nisy haizina matevina teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, hany ka ny mponina teo aminy, izay tsy lavo, dia afaka "naha-tsapa ny ^beton' ny haizina;

21 Ary tsy nety nisy hazavana noho ny haizina, tsy jiro, tsy fanilo; tsy nety nisy afo azo narehitra tamin' ny hazony tsara sy maina izaitsizy tokoa, hany ka tsy nety nisy hazavana mihitsy;

22 Ary tsy nisy hazavana hita, na afo, na taratra, na masoandro, na volana, na kintana, fa lehibe loatra ny zavon' ny haizina izay teo amin' ny lafin-tany.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandritra ny "telo andro no tsy nisy hazavana hita; ary nisy toloko sy fidradradradrana ary fitomaniana lehibe sy tsy tapaka tany anivon' ny vahoaka manontolo; eny, lehibe ny fitarainan' ny vahoaka noho ny haizina sy ny faharavana lehibe izay efa nianjady taminy.

24 Ary tao amin' ny toerana iray no nandrenesana azy, niantso hoe: Ô inay anie isika nibe-baka talohan' ity andro lehibe sy mahatahotra ity, ary dia ho notsimbinina ny rahalahintsika, ary dia tsy ho may tao amin' io

13a Hel. 14:24;

3 Ne. 6:8.

14a 1 Ne. 12:4.

18a Hel. 14:21–22.

19a Lio. 23:44.

20a Eks. 10:21–22.

b 1 Ne. 12:5; 19:11.

23a 1 Ne. 19:10.

tanàna lehiben' i "Zarahemlà io izy ireny.

25 Ary tamin' ny toeran-kafa no nandrenesana azy niantso sy nitoloko hoe: Ô, inay anie isika nibebaka talohan' ity andro lehibe sy mahatahotra ity, ary tsy namono na nitora-bato ny mpaminany, ary tsy nandroaka azy; dia ho notsimbinina ny renintsika sy ny zanatsika vavy kanto ary ny zanatsika, ka tsy ho nilevina tao amin' io tanàna lehiben' i Môrônihà io. Ary lehibe sy mahatahotra toy izany no fidradradran' ny vahoaka.

TOKO 9

Tao amin' ny haizina no nanambaran' ny feon' i Kristy ny famongorana ny vahoaka sy ny tanàna maro noho ny faharatsiany — Nambarany koa ny maha-Andriamanitra Azy, nolazainy fa tanteraka ny lalàn' i Mosesy, ary nasainy nanatona Azy ny olona mba ho voavonjy. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nisy "feo re teo anivon' ny mponin' ny tany rehetra, eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, niantso hoe:

2 Loza, loza, lozan' ity vahoaka ity; "lozan' ny mponin' ny tany manontolo raha tsy mibebaka izy; fa ^bmihomehy ny devoly, ary mifaly ny anjely, noho ireo voavono tamin' ny zanakalahy sy ny zanakavavy kanton' ny vahoakako; ary noho ny helony

sy ny fahavetavetany dia lavo ireny!

3 Indro, ilay tanàna lehiben' i Zarahemlà dia efa nodorako tamin' ny afo, mbamin' ny mponina tao.

4 Ary indro, ilay tanàna lehiben' i Môrônihà dia efa nasaiko nalentika tany amin' ny halalin' ny ranomasina, ary narendrika ny mponina tao.

5 Ary indro, ilay tanàna lehiben' i Môrônihà dia efa norakofako tamin' ny tany, mbamin' ny mponina tao, mba hanafina ny helony sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan' ny tavako, ka ny ran' ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hankany Amiko intsony hanohitra azy.

6 Ary indro, ny tanànan' i Gilgala dia efa nasaiko nalentika, ary ny mponina tao nalevina tany amin' ny halalin' ny tany;

7 Eny, ary ny tanànan' i Ônihà mbamin' ny mponina tao, ary ny tanànan' i Môkoma mbamin' ny mponina tao ary ny tanànan' i Jerosalema mbamin' ny mponina tao; ary ny "rano no efa nasaiko niakatra teo amin' ny toerany mba hanafina ny faharatsiany sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan' ny tavako, ka ny ran' ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony any Amiko hanohitra azy.

8 Ary indro, ny tanànan' i Gadiandia, sy ny tanànan' i Gadiômnà sy ny tanànan' i Jakôba ary ny tanànan' i Gimgimnao, ireo rehetra ireo dia efa nasaiko

24a Hel. 13:12.
9 1a 1 Ne. 19:11;

3 Ne. 11:10.
2a Mat. 11:20–21.

b Mos. 7:26.
7a Ezek. 26:19.

nalentika, ary “havoana sy lohasaha no nataoko teo amin’ ny toerany; ary ny mponina tao dia efa naleviko tao amin’ ny halalin’ ny tany mba hanafina ny faharatsiany sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony any amiko hanohitra azy ireo.

9 Ary indro, ilay tanàna lehiben’ i Jakôbogata, izay nonenan’ ny vahoakan’ i Jakôba mpanjaka, dia efa nasaiko nodorana tamin’ ny afo noho ny fahotany sy ny faharatsiany izay nanoatra ny faharatsiana rehetra teo amin’ ny tany manontolo, noho ny “famonoany olona sy ny tsikombakomba mifafiny, satria izy no nandrava ny fiadanana’ ny vahoakako sy ny governemanta teo amin’ ny tany; noho izany dia nasaiko nodorana izy mba hamongorana azy tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony aty Amiko hanohitra azy.

10 Ary indro, ny tanànan’ i Lamàna sy ny tanànan’ i Jôsy, sy ny tanànan’ i Gàda ary ny tanànan’ i Kiskomena dia efa nasaiko nodorana tamin’ ny afo, mbamin’ ny mponina tao, noho ny faharatsiany tamin’ ny nandroahany ny mpaminany sy nitorahany vato an’ ireo izay nirahiko hanambara taminy ny

momba ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

11 Ary satria noroahiny hiala avokoa izy ireo, ka tsy nisy anankiray marina teo anivony, dia nalefako hidina ny “afo ary nofongorako izy ireo, ka ny faharatsiany sy ny fahavetavetany dia ho azo nafenina tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina izay nirahiko tany anivony dia tsy hiantso Ahy ^bavy amin’ ny tany hanohitra azy ireo.

12 Ary famongorana lehibe “maro no efa nasaiko tonga teo amin’ ity tany ity, tamin’ ity vahoaka ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

13 Ô ianareo rehetra izay “voatsimbina noho ianareo marina kokoa noho izy ireo, tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibe-baka amin’ ny fahotananareo, ary hiova fo hahazoako ^bmanasitrana anareo?

14 Eny, lazaiko aminareo marina tokoa, raha “mankatỳ Amiko ianareo dia hanana ny ^bfiainana mandrakizay. Indro, ny ^dsandrin’ ny famindram-poko dia mitsotra aminareo, ary na zovy na zovy no ho avy, dia izy no horaisiko; ary hotahiana ireo izay mankatỳ Amiko.

15 Indro, Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra. Izaho no “nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra izay eo aminy. Izaho dia niaraka

8a 1 Ne. 19:11.
9a Hel. 6:17–18, 21.
b Môsià 12:8.
11a 2 Mpan. 1:9–16;
Hel. 13:13.
b Gen. 4:10.

12a 3 Ne. 8:8–10, 14.
13a 3 Ne. 10:12.
b Jer. 3:22; 3 Ne. 18:32.
14a 2 Ne. 26:24–28;
Almà 5:33–36.
b Jao. 3:16.

d Almà 19:36.
15a Jao. 1:1–3;
Kol. 1:16;
Hel. 14:12;
Etera 4:7;
F&F 14:9.

tamin' ny Ray hatrany am-pian-dohana. ^bIzaho ao amin' ny Ray ary ny Ray ato Amiko; ary tao Amiko no efa nankalazan' ny Ray ny anarany.

16 Tonga tany amin' ny Ahy Aho ary ny Ahy tsy "nandray Ahy. Ary tanteraka ny soratra masina momba ny fiaviako.

17 Ary izay rehetra efa nandray Ahy, dia efa "nomeko azy ny ho tonga zanak' Andriamanitra; ary dia toy izany koa no hataoko amin' izay rehetra hino ny anarako, fa indro, amin' ny alalako no tonga ny ^bfanavotana, ary ao Amiko no tanteraka ny ^dlalàn' i Mosesy.

18 Izaho no "fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao. Izaho no ^bAlfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana.

19 Ary tsy hanatitra fandatsahan-dra ho Ahy "intsony ianareo; eny, ny soronareo sy ny fanatitrareo odorana dia hitsahatra, fa tsy hisy hoekeko ny soronareo sy ny fanatitrareo odorana.

20 Ary haterinareo ho "sorona ho Ahy ny fo torotoro sy ny fanahy manenina. Ary na zovy na zovy no mankatỳ Amiko amin' ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, dia izy no ^bhataoko batisa amin' ny afo sy ny Fanahy Masina, dia tahaka ny

Lamanita, noho ny finoany Ahy tamin' ny fotoana niovany fo, dia natao batisa tamin' ny afo sy ny Fanahy Masina izy, ary tsy fantany izany.

21 Indro, efa tonga teo amin' izao tontolo izao Aho mba hitondra ny fanavotana ho an' izao tontolo izao, mba hamonjy izao tontolo izao amin' ny fahotana.

22 Koa na zovy na zovy no "mibebaka sy mankatỳ Amiko toy ny ^bankizy madinika, dia izy no horaisiko, fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. Indro, an' ny toa azy no efa ^dnanolorako ny Aiko sy efa nakako izany indray; koa mibebaha, ary mankanesa atỳ Amiko ianareo faran' ny tany, ary aoka ho voavonjy.

TOKO 10

*Nisy fahanginana teo amin' ny tany nandritra ny ora maro—
Nampanantena ny hanangona ny vahoakany toy ny reniakoho manangona ny zanany ny feon' i Kristy—Efa notsimbinina ny ampahany marina indrindra tamin' ny vahoaka. Tokony ho 34–35 taorian' i j.k.*

ARY ankehitriny, indro, ny zavaintranga dia nandre ireo filazana

15b Jao. 17:20–22;
3 Ne. 11:27; 19:23, 29.
16a Jao. 1:11; F&F 6:21.
17a Jao. 1:12.
TSM Olona—Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra; Zanakalahy sy

Zanakavavin' Andriamanitra.
^b TSM Fanavotana.
^d 3 Ne. 12:19, 46–47; 15:2–9.
18a TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.
^b Fan. 1:8.
TSM Alfa sy Omega.

19a Almà 34:13.
20a 3 Ne. 12:19; F&F 20:37.
^b 2 Ne. 31:13–14.
22a TSM Fibebehana.
^b Mar. 10:15; Mòsià 3:19; 3 Ne. 11:37–38.
^d Jao. 10:15–18.

ireo ny vahoaka rehetra teo amin' ny tany sy nijoro ho vavolombelona ny amin' izany. Ary taorian' ireo filazana ireo dia nisy fahanginana teo amin' ny tany nandritra ny ora maro;

2 Fa lehibe loatra ny fitalanjonan' ny vahoaka ka natsahany ny fitolokoana sy ny fidradradradrana noho ny famoizana ny havany izay efa naringana; koa nisy fahanginana teo amin' ny tany manontolo nandritra ny ora maro.

3 Ary ny zava-nitranga dia tonga indray tamin' ny vahoaka ny feo, ary ny vahoaka rehetra dia nandre, ary vavolombelon' izany, nanao hoe:

4 Ô ianareo vahoakan' ireo "tanàna lehibe izay efa lavo ireo, izay tamingan' i Jakoba, eny, izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, impiry Aho no efa nanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany sy efa ^bnamahana anareo.

5 Ary koa, "impiry Aho no efa ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany, eny, ô ianareo vahoakan' ny mpianakavin' i Isiraely, izay efa lavo; eny, ô ianareo vahoakan' ny mpianakavin' i Isiraely, ianareo izay mitoetra ao Jerosalema, toa anareo izay efa lavo; eny, impiry Aho no ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany ary tsy nety ianareo.

6 Ô ianareo mpianakavin' i Isiraely izay efa "notsimbiniko, impiry Aho no hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany, raha mibebaka ianareo sy ^bmi-verina Amiko amin' ny "fo feno finiaavana.

7 Nefa raha tsy izany, Ry mpianakavin' i Isiraely, ny toerana fonenanareo dia ho tonga aolo ambara-pahatongan' ny fotoan' ny fahatanterahan' ny "fanekepiahavanana tamin' ny razanareo.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, taorian' ny efa nandrenesan' ny vahoaka ireo teny ireo, dia indro nanomboka nito-many sy nidradradradra indray izy noho ny famoizana ny havany sy ny namany.

9 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nahalasanan' ny telo andro. Ary maraina tamin' izay, ary nisava tambonin' ny tany ny "haizina, ary ny tany dia nitsahatra tsy nihovitrovitra, ary ny vatolampy dia nitsahatra tsy nitresaka, ary ny toloko nam-pahatahotra dia nitsahatra ary ny tabataba nirohondrohona rehetra dia nisinda.

10 Ary nikombona indray ny tany, ka dia nitoetra izany; ary nitsahatra ny toloko sy ny fitomaniana ary ny fidradradradran' ny vahoaka izay notsimbinina ka velona; ary niova ho fifaliana ny tolokony ary ny fitarainany ho fankalazana sy

10 4a 3 Ne. 8:14.

b 1 Ne. 17:3.

5a Mat. 23:37;

F&F 43:24-25.

6a 3 Ne. 9:13.

b 1 Sam. 7:3;

Hel. 13:11;

3 Ne. 24:7.

d Ezek. 36:26.

7a TSM Fanekepiahavanana.

9a 3 Ne. 8:19.

fanati-tsaotra ho an' i Jesoa Kristy Tompo, Ilay Mpanavotra azy.

11 Ary hatrizao dia “tanteraka ny soratra masina izay efa notenenin' ny mpaminany.

12 Ary ny “ampahany marina indrindra tamin' ny vahoaka no efa novonjena, ary izy no nandray ny mpaminany ary tsy nitora-bato azy; ary izy izay tsy nandatsaka ny ran' ny olomasina no efa notsimbinina—

13 Ary efa notsimbinina sy tsy nalentika ary tsy nalevina tany anaty tany izy; ary tsy narendrika tao amin' ny halalin' ny ranomasina izy; ary tsy nodorana tamin' ny afo izy, tsy nianjeran-javatra izy ary tsy notorotroina ho faty; ary tsy nindaosina tao amin' ny tadio izy; tsy nosahiranin' ny eton' ny setroka sy ny an' ny haizina koa izy.

14 Ary ankehitriny, izay maky, aoka izy hahatakatra; izay manana ny soratra masina, aoka izy “hanadihady izany sy hijery ary hahita raha toa ireo fahafatesana sy famongorana rehetra tamin' afo ireo sy tamin' ny setroka, ary tamin' ny tafio-dri-votra, sy tamin' ny tadio, ary tamin' ny ^b“fisokafan' ny tany mba handray azy ireo sy ireo zavatra rehetra ireo, ka tsy ho fahatanterahan' ny faminanian' ny mpaminany masina maro.

15 Indro, lazaiko aminareo, Eny, maro no efa nanambara ny amin' ireny zavatra ireny tamin'

ny fiavian' i Kristy, ary “narin-gana noho izy ireo nanambara ny amin' ireny zavatra ireny.

16 Eny, nanambara ny amin' ireny zavatra ireny i “Zenôsa mpaminany, ary i Zenôka koa dia niteny momba ireny zavatra ireny, satria izy ireo dia nanambara manokana tokoa ny momba antsika izay sisa tavela tamin' ny taranany.

17 Indro, i Jakôba raintsika koa dia nanambara ny momba ny “sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa. Ary indro, moa va isika tsy sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa? Ary ireny zavatra izay manambara ny amintsika ireny, moa va ireny tsy voasoratra eo amin' ny takela-barahina izay nentin' i Lehia raintsika niala an' i Jerosalema?

18 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiafaran' ny taona fahefatra amby telopolo, dia indro hasehoko anareo fa ny vahoakan' i Nefia izay efa notsimbinina ary koa ireo izay efa nantsoina hoe Lamanita izay efa notsimbinina, dia nahazo sitraka lehibe naseho azy ireo sy fitahiana lehibe naidina teo ambony lohany, hany ka tsy ela tao-rian' ny “fiakaran' i Kristy any an-danitra, dia naneho marina tokoa ny tenany taminy Izy—

19 “Nampiseho ny vatany taminy sy nampianatra azy ireo; ary ny fitantarana ny asa fanompoany dia omena any aoriana.

11a Asa 3:18–20.

12a 2 Ne. 26:8; 3 Ne. 9:13.

14a tsm Soratra
Masina—Ny
hasarobidin' ny

Soratra Masina.

b 1 Ne. 19:11;

2 Ne. 26:5.

15a tsm Maritiora.

16a Hel. 8:19–20.

17a 2 Ne. 3:4–5;

Almà 46:24;

3 Ne. 5:23–24.

18a Asa 1:9–11.

19a 3 Ne. 11:12–15.

Koa, raha ny amin' izao fotoana izao, dia mamarana ny filazako aho.

I Jesoa Kristy dia naneho ny tenany tamin' ny vahoakan' i Nefia, raha niara-tafavory tao an-tanin' i Soafeno ny valalabemandry ary nampianatra azy; ary toy izao no nanehoany ny tenany taminy.

Mahafaoka ny toko 11 ka hatramin' ny 26 manontolo.

TOKO 11

Nanambara ny amin' ny Zanany Malala ny Ray—Niseho i Kristy ary nanambara ny sorompanavotany—Nitsapa ny mariky ny holatra teo amin' ny tanany sy ny tongony ary ny lanivoany ny vahoaka—Niantso Hosana izy ireo—Nana-zava ny fombafomba sy ny fanao amin' ny batisa Izy—Avy amin' ny devoly ny fanahin' ny fifandirana—Ny fotopampianaran' i Kristy dia ny hinoan' ny olona sy ny hanaovana batisa azy ary ny handraisany ny Fanahy Masina. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nisy valalabemandry sesehena, avy tamin' ny vahoakan' i Nefia, niara-tafavory nanodidina ny tempoly izay tao an-tanin' i Soafeno; ary nitola-gaga sy nitalanjona izy samy izy, ary nampiseho tamin' izy

samy izy ny “fiovana lehibe sy mahatalanjona izay efa nitranga.

2 Ary nitafasiry koa ny momba ity Jesoa Kristy ity izy, izay efa nomena ny “famantarana momba ny fahafatesany.

3 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nitafasiry toy izany izy samy izy, dia nandre ^afeo, toy ny nivoaka avy tany an-danitra; ary natopiny manodidina ny maso-ny, fa tsy azony ny feo izay reny; ary tsy feo midridrodrido izany, sady tsy feo mafy koa; kanefa, na dia ^btony aza izany feo izany dia nanindrona ireo izay nandre izany hatrany an-tiny, hany ka tsy nisy faritra tamin' ny tenany, izay tsy nampangovitiny; eny, izany dia nanindrona azy hatrany amin' ny aty fanahiny ary nampirehitra ny fony.

4 Ary ny zava-nitranga dia reny indray ilay feo ary tsy azony izany.

5 Ary reny fanintelony indray ilay feo, ary nosokafany ny sofiny handre izany; ary ny maso-ny dia tany amin' ilay feo; ary nojereny naharitra tany amin' ny lanitra izay niavian' ny feo.

6 Ary indro, tamin' ny fanintelony, dia azony ilay feo izay reny; ary hoy izany taminy:

7 Indro ny “Zanako Malalako ^bizay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako—henoinareo Izy.

8 Ary ny zava-nitranga, nony nahazo ireo, dia nanandratra ny masony indray nankany amin'

11 1a 3 Ne. 8:11–14.

2a Hel. 14:20–27.

3a Deot. 4:33–36;

Hel. 5:29–33.

b 1 Mpan. 19:11–13;

F&F 85:6.

7a Mat. 3:17; 17:5;

JS—T 1:17.

b 3 Ne. 9:15.

ny lanitra; ary indro, “hitany ny Lehilahy iray nidina avy tany an-danitra; ary nanao akanjo fotsy Izy; ary nidina Izy sy nijoro teo afovoany; ary ny mason’ ny valalabemandry iray manontolo dia nitodika tany Aminy, ary tsy sahiny ny nanokatra ny vavany, na dia tamin’ izy samy izy aza, ary tsy fantany izay hevitr’ izao, satria noheveriny fa anjely no efa niseho taminy.

9 Ary ny zava-nitranga dia naninjitra ny tanany sy niteny tamin’ ny vahoaka Izy, nanao hoe:

10 Indro, Izaho no Jesoa Kristy izay nambaran’ ny mpaminany fa ho avy eo amin’ izao tontolo izao.

11 Ary indro, Izaho no “fahazavana sy fiainan’ izao tontolo izao; ary nisotro tamin’ ilay ^bkapoaka mangidy izay efa nomen’ ny Ray Ahy Aho ary efa nankalaza ny Ray tamin’ ny ^dnitondrako teo Amiko ny fahotan’ izao tontolo izao, izay efa niaretako ny ^csitrapon’ ny Ray tamin’ ny zava-drehetra hatrany am-piandohana.

12 Ary ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa dia lavo tamin’ ny tany ny valalabemandry iray manontolo; satria tsaroany fa efa “naminiana teo anivony fa i Kristy dia haneho ny tenany aminy aorian’ ny fiakarany any an-danitra.

13 Ary ny zava-nitranga dia

niteny taminy ny Tompo, nanao hoe:

14 Mitsangàna ary mankanesa atỳ Amiko, hahazoanareo “mitetika ny lanivoako amin’ ny tananareo, ary koa mba hahazoanareo ^bmitsapa ny diam-pantsika amin’ ny tanako sy amin’ ny tongotro mba hahafantaranareo fa Izaho no ^dAndriamanitr’ i Isiraely sy Andriamanitry ny ^ctany manontolo, ary efa novonoina noho ny fahotan’ izao tontolo izao.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny valalabemandry ary napetrany teo amin’ ny lanivoany ny tanany, ary notsapainy ny diam-pantsika teo amin’ ny tanany sy ny tongony; ary izany no nataony, rehefa nandroso tsirairay ireo ambara-pandroson’ izy rehetra, ary hitany tamin’ ny masony sy notsapainy tamin’ ny tanany ary fantany marina tokoa ary vavolombelona manambara izy ireo fa “Izy no Ilay efa nosoratan’ ny mpaminany fa ho avy.

16 Ary nony efa nandroso izy rehetra ary efa nijoro ho vavolombelona ho an’ ny tenany, dia niantso tamin’ ny feo tokana izy ireo, nanao hoe:

17 Hosana! Hotahiana anie ny anaran’ Andriamanitra Avo Indrindra! Ary lavo teo an-tongotr’ i Jesoa izy ireo sy ^anitsaoka Azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia

8a 1 Ne. 12:6;

2 Ne. 26:1.

11a TSM Fahazavana, Fahazavan’ i Kristy.

b Mat. 26:39, 42.

d Jao. 1:29;

F&F 19:18–19.

e Mar. 14:36; Jao. 6:38;

F&F 19:2.

12a Almà 16:20.

14a Jao. 20:27.

b Lio. 24:36–39;

F&F 129:2.

d Isa. 45:3; 3 Ne. 15:5.

e 1 Ne. 11:6.

15a TSM Jesoa Kristy—

Fisehoan’ i Kristy

taorian’ ny

fitsanganany tamin’

ny maty.

17a TSM Fitsaohana.

niteny tamin' i "Nefia Izy (fa i Nefia dia teo anivon' ny valalabemandry) ary nandidy azy handroso.

19 Ary nitsangana sy nandroso i Nefia ary niankohoka teo anoloan' ny Tompo ny tenany sy nanoroka ny tongony.

20 Ary nandidy azy ny Tompo ny hitsanganany. Ary nitsangana izy sy nijoro teo Anoloany.

21 Ary hoy ny Tompo taminy: Izaho manome "fahefana anao mba ^bhanaovanao batisa ity vahoaka ity rehefa miakatra indray any an-danitra Aho.

22 Ary koa, niantso ny "hafa ny Tompo ary niteny taminy toy izany koa; ary nomeny azy ireo ny fahefana hanao batisa. Ary hoy Izy taminy: Toy izao no hanaovanareo batisa; ary ^btsy hisy fifanjihirana eo anivonareo.

23 Lazaiko aminareo marina tokoa, fa na zovy na zovy no mibebaka amin' ny fahotany noho ny "teninareo ary ^bmaniry ny hatao batisa amin' ny Anarako, dia toy izao no hanaovanareo batisa azy—Indro, hidina ianareo sy ^ahijoro ao anaty rano, ary amin' ny Anarako no hanaovanareo batisa azy.

24 Ary ankehitriny, indro, ireto no teny izay holazainareo, rehefa avy niantso azy tamin' ny anarany, manao hoe:

25 Noho ny "fahefana nomen' i Jesoa Kristy ahy, izaho dia manao batisa anao amin' ny anaran' ny ^bRay sy ny an' ny Zanaka ary ny an' ny Fanahy Masina. Amena.

26 Ary amin' izany ianareo dia "hanitrika azy ao anaty rano sy hamoaka indray avy ao anaty rano.

27 Ary araka izany fomba izany no hanaovanareo batisa amin' ny Anarako; fa indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia "iray; ary Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko, ary ny Ray sy Izaho dia iray.

28 Ary araka izay efa nandidiako anareo, dia toy izany no hanaovanareo batisa. Ary tsy hisy "fifanjihirana eo anivonareo, toy izay efa nisy hatrizao; tsy hisy koa fifanjihirana eo anivonareo, momba ny lafiny amin' ny fotopampianarako toy izay efa nisy hatrizao.

29 Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay manana ny fanahin' ny "fifandirana dia tsy Ahy fa an' ny ^bdevoly kosa, izay rain' ny fifandirana, ary mamoky ny fon' ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy.

30 Indro, tsy fotopampianara-

18a 3 Ne. 1:2, 10.

21a tsm Hery.

b tsm Batisa.

22a 1 Ne. 12:7; 3 Ne. 12:1.

b 3 Ne. 18:34.

23a 3 Ne. 12:2.

b tsm Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa.

d 3 Ne. 19:10–13.

25a Môsià 18:13;

F&F 20:73.

tsm Batisa—Fahefana ara-dalàna.

b tsm Andriamanitra.

26a tsm Batisa—Batisa asitrika.

27a Jao. 17:20–22;

3 Ne. 28:10;

Môrm. 7:7; F&F 20:28.

28a 2 Tan. 1:10;

Ef. 4:11–14; F&F 38:27.

29a 2 Tim. 2:23–24;

Môsià 23:15.

tsm Fifandirana.

b djs, Ef. 4:26;

Môsià 2:32–33.

ko ny mamoky ny fon' ny olona ho tezitra ka hifanohitra izy samy izy; fa izao kosa no fotopampianarako dia ny hampitsaharana ny zavatra toy izany.

31 Indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, Izaho dia hanambara aminareo ny "fotopampianarako.

32 Ary izao no "fotopampianarako ary izany dia fotopampianarana izay efa nomen' ny Ray Ahy; ary Izaho dia ^bvavolombelona manambara ny Ray, ary ny Ray dia vavolombelona manambara Ahy, ary ny "Fanahy Masina dia vavolombelona manambara ny Ray sy manambara Ahy; ary Izaho dia vavolombelona fa mandidy ny olona rehetra ny Ray, na aiza na aiza, hibe-baka sy hino Ahy.

33 Ary na zovy na zovy no mino Ahy sy "atao batisa dia izy no ^bhovonjena; ary izy no "handova ny fanjakan' Andriamanitra.

34 Ary na zovy na zovy no tsy mino Ahy sy tsy atao batisa dia helohina.

35 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izany no fotopampianarako ary Izaho dia vavolombelona manambara izany avy amin' ny Ray; ary na zovy na zovy no "mino Ahy dia mino ny Ray koa; ary aminy ny Ray dia vavolombelona hanambara Ahy, fa hamangy azy

^bamin' ny afo sy amin' ny "Fanahy Masina Izy.

36 Ary ny Ray dia vavolombelona hanambara Ahy toy izany, ary ny Fanahy Masina dia vavolombelona hanambara aminy ny amin' ny Ray sy ny Amiko; fa ny Ray sy Izaho ary ny Fanahy Masina dia iray.

37 Ary lazaiko aminareo koa, tsy maintsy mibebaka ianareo sy "tonga tahaka ny ankizy madinika ary atao batisa amin' ny anarako, raha tsy izany dia tsy afaka mandray ireo zavatra ireo mihitsy ianareo.

38 Ary lazaiko aminareo koa, tsy maintsy mibebaka ianareo sy atao batisa amin' ny anarako ary tonga tahaka ny ankizy madinika, raha tsy izany dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy ianareo.

39 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no fotopampianarako, ary na zovy na zovy no "manorina eo ambonin' izany dia manorina eo ambonin' ny vatolampiko, ary ny ^bvavahadin' ny helo tsy haharesy azy.

40 Ary na zovy na zovy no hanambara mihoatra na latsak' izao sy hanorina izany ho fotopampianarako dia izy no avy amin' ilay ratsy, ary tsy miorina eo ambonin' ny vatolampiko; fa manorina kosa eo amin' ny "fototra fasika, ary mivoha ny vavahadin' ny helo mba han-

31a 2 Ne. 31:2–21.

32a tsm Fotopampianaran' i Kristy.

b 1 Jn. 5:7.

d 3 Ne. 28:11; Etera 5:4.

33a Mar. 16:16.

tsm Batisa—Tsy

maintsy atao.

b tsm Famonjena.

d tsm Voninahitra

Selestialy.

35a Etera 4:12.

b 3 Ne. 9:20; 12:2.

d tsm Fanahy Masina.

37a Mar. 10:15; Lio. 18:17;

Môsià 3:19; 3 Ne. 9:22.

39a Mat. 7:24–29;

Hel. 5:12.

tsm Vatolampy.

b 3 Ne. 18:12–13.

40a 3 Ne. 14:24–27.

dray ny toa azy rehefa tonga ny safo-drano ary mamely azy ny rivotra.

41 Koa, mandehana any amin' ity vahoaka ity, ary ambarao ny teny izay efa noteneniko, hatrany am-paran' ny tany.

TOKO 12

Niantso sy nanome fahefana ny Roambinifololahy i Jesoa—Nanao lahateny nitovy tamin' ny Toriteny teo an-Tendrombohitra tamin' ny Nefita Izy—Niresaka ny Fahasam-barana Izy—Mihoatra ary manantombo amin' ny lalàn' i Mosesy ny fampianarany. Nodidina ho tanteraka toy ny mahatanteraka Azy sy ny Rainy ny olona—Ampitahao amin' i Matio 5. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo tamin' i Nefia sy tamin' ireo izay nantsoina i Jesoa (ankehitryny ny isan' ireo izay efa nantsoina sy nandray ny hery sy ny fahefana hanao batisa dia "roa ambin' ny folo) dia indro, naninjitra ny tanany tany amin' ny valalabemandry Izy ary nanandra-peo taminy, manao hoe: ^bHotahiana ianareo raha mampandry sofina amin' ny tenin' ireto roa ambin' ny folo izay efa ^dnofinidiko teo anivonareo ireto mba hampianatra anareo sy ho mpa-

nomponareo; ary ho azy ireo no nanomezako ny fahefana mba hahazoany manao batisa anareo amin' ny rano; ary aorian' ny anaovana batisa anareo amin' ny rano, dia indro, Izaho no hanao batisa anareo amin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina; koa hotahiana ianareo raha mino Ahy sy atao batisa, rehefa nahita Ahy sy mahalala fa misy Aho.

2 Ary koa, hotahiana kokoa ireo izay ^ahino ny teninareo, satria hanambara ianareo fa efa nahita Ahy ary mahalala fa misy Aho. Eny, hotahiana ireo izay hino ny teninareo sy ^bhidina any amin' ny fanetren-tena lalina ary hatao batisa, fa izy no hovangiana ^damin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina ary handray ny famelana ny fahotany.

3 Eny, sambatra ny ^aory ampanahy izay ^bmankatỳ Amiko, fa azy ny fanjakan' ny lanitra.

4 Ary koa, sambatra izay reheotra mitoloko, fa izy no hampiononina.

5 Ary sambatra ny ^amalemy fanahy, fa izy no handova ny ^btany.

6 Ary sambatra izay rehetra ^anoana sy ^bmangetaheta ny ^dfahamarinana, fa izy no hofenoina ny Fanahy Masina.

7 Ary sambatra ny ^amamindra fo, fa izy no hahazo famindram-po.

12 1a 3 Ne. 13:25.

b TSM Fitahiana.

d TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

2a F&F 46:13–14.

TSM Finoana.

b Etera 4:13–15.

d 3 Ne. 11:35; 19:13.

3a F&F 56:17–18.

TSM Fanetren-tena.

b Mat. 11:28–30.

5a Roma. 12:16;

Môsîà 3:19.

TSM Halemem-

panahy.

b TSM Tany.

6a 2 Ne. 9:51;

Enôsa 1:4.

b Jer. 29:13.

d Ohab. 21:21.

7a TSM Famindram-po.

8 Ary sambatra ny “madio am-po rehetra, fa izy no ^bhahita an’ Andriamanitra.

9 Ary sambatra ny “mpampihavana rehetra, fa izy no hantsoina hoe ^bzanak’ Andriamanitra.

10 Ary sambatra izay rehetra “enjhina noho ny Anarako, fa azy ny fanjakan’ ny lanitra.

11 Ary sambatra ianareo raha hotsiratsirain’ ny olona sy henjiny ary hilazany ny fomban’ ny ratsy rehetra hiampangana tsy marina anareo noho ny Amiko;

12 Fa hanam-pifaliana lehibe ianareo ary ho tretrika fatratra tokoa, fa ho lehibe ny “valisoanareo any an-danitra; fa nenjehina toy izany ireo mpaminany izay talohanareo.

13 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko anareo ny ho tonga “fanasin’ ny tany; nefa raha ny fanasina no manary ny tsirony, amin’ inona no hanasiana sira ny tany? Tsy ilaina na amin’ inona na amin’ inona intsony ny sira, ka dia hariana any ivelany ary hohosen’ ny tongotry ny olona.

14 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko anareo ny ho tonga fahazavan’ ity vahoaka ity. Ny tanàna izay miorina eo an-tendrombohitra dia tsy azo afenina.

15 Indro, moa va ny olona mandrehitra “jirony ary mametra-

ka izany ao ambanin’ ny vata famarana? Tsia, fa eo amin’ ny fitoeran-jirony kosa, ary manome hazavana ho an’ izay rehetra ao an-trano izany;

16 Koa aoka ny “fahazavana-reo hamiratra eo anoloan’ ity vahoaka ity mba hahazoany mahita ny asa soanareo sy hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra.

17 Aza mihevitra fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany. Tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka kosa;

18 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, tsy misy na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza efa foana ao amin’ ny “lalàna, fa ao Amiko kosa izany dia efa tanteraka avokoa.

19 Ary indro, efa nomeko anareo ny lalàna sy ny didin’ ny Raiko mba hinoanareo Ahy sy hibe-bahanareo amin’ ny fahotanareo ary hankanesanareo atỳ Amiko amin’ ny “fo torotoro sy ny fanahy manenina. Indro, manana ny lalàna eo anoloanareo ianareo, ary ny ^blalàna dia tanteraka.

20 Koa mankanesa atỳ Amiko, ary aoka ho voavonjy; fa lazaiko aminareo marina tokoa, fa raha tsy mitandrana ny didiko izay efa nomeko anareo amin’ izao fotoana izao ianareo, dia tsy hiditra mihitsy ao amin’ ny fanjakan’ ny lanitra.

21 Efa renareo fa efa voalazan’

8a TSM Madio.

b F&F 93:1.

9a TSM Mpampihavana.

b TSM Zanakalahy sy Zanakavavin’ Andriamanitra.

10a F&F 122:5–9.

TSM Fanenjehana.

12a Etera 12:4.

13a F&F 101:39–40.

TSM Sira.

15a Lio. 8:16.

16a 3 Ne. 18:24.

18a TSM Lalàn’ i Mosesy.

19a 3 Ne. 9:20.

TSM Fo Torotoro.

b 3 Ne. 9:17.

ireo tamin' ny fahagolan-tany, ary izany koa dia voasoratra eo anoloanareo fa ianao dia tsy "hamono olona, ary na zovy na zovy no hamono dia hanambana azy ny fitsaran' Andriamanitra;

22 Nefa lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no tezitra amin' ny rahalahiny dia hanambana azy ny fitsarany. Ary na zovy na zovy no hiteny amin' ny rahalahiny hoe: Olom-poana ialahy, dia hanambana azy ny filankevitra; ary na zovy na zovy no hilaza hoe, Foka ialahy, dia hanambana azy ny afon' ny helo.

23 Koa, raha mankaty Amiko ianao na maniry ny hankaty Amiko ary mahatsiaro fa ny rahalahinao dia manana zavatra ifanoherana aminao—

24 Mandehana mankany amin' ny rahalahinao, ary "mihavàna aloha amin' ny rahalahinao, ary dia mankanesa aty Amiko amin' ny fo feno finiavana, ary handray anao Aho.

25 Mihavàna faingana amin' ny fahavalonao raha mbola mioraka aminy eny an-dalana ianao, fandrao haka anao izy amin' ny fotoana iray, ary haiditra any am-ponja ianao.

26 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, tsy ho tafavoaka ao mihitsy ianao raha tsy efa naloanao ny senina farany. Ary raha mbola ao am-ponja ianao,

moa va ianao afaka mandoa na dia "senina iray aza? Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, Tsia.

27 Indro, efa voasoratr' ireo tamin' ny fahagolan-tany, fa ianao dia tsy hanao "fijangajangana;

28 Nefa lazaiko aminareo, fa na zovy na zovy no mijery vehivavy iray, ka "mitsiriritra azy, dia efa nanao fijangajangana tao am-pony sahady izy.

29 Indro omeko anareo ny didy mba tsy hisy amin' ireo zavatra ireo havelanareo hiditra ao am-ponareo;

30 Fa tsara kokoa ny handavan' ny tenanareo ireo zavatra ireo ka hitondranareo amin' izany ny "hazofijalianareo, toy izay hatsipy any amin' ny helo ianareo.

31 Efa voasoratra fa na zovy na zovy no misaotra ny vadiny dia aoka izy hanome azy taratasy "fisaoram-bady.

32 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa na zovy na zovy no "hisaoatra ny vadiny, raha tsy hoe noho ny "fijangajangana, dia manao izay "hampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady vehivavy izay nisaorana dia manao fijangajangana.

33 Ary voasoratra koa fa ianao dia tsy hianiana tsy to, fa hoe-fainao kosa amin' ny Tompo ny "fianiananao;

34 Nefa lazaiko aminareo

21a Eks. 20:13;
Môsà 13:21;
F&F 42:18.

24a TSM Mamela.

26a Almà 11:3.

27a 2 Ne. 9:36; F&F 59:6.

28a F&F 42:23.
TSM Mitsiriritra.

29a Asa 8:22.

30a Mat. 10:38; 16:24;

Lio. 9:23.

31a TSM Fisaraham-

panambadiana.

32a Mar. 10:11–12.

b TSM Fijangajangana.

d TSM Fanitsakitsaham-bady.

33a TSM Fianianana.

marina dia marina tokoa, “aza mianiana akory; na amin’ ny lanitra, fa seza fiandrianan’ Andriamanitra izany;

35 Na amin’ ny tany, fa fitoe-ran-tongony izany;

36 Tsy hianiana koa amin’ ny lohanao ianao, satria tsy hainao ny manao singam-bolo iray mainty na fotsy;

37 Nefa aoka ny teninareo ho Eny, eny; Tsia, tsia; fa na inona na inona no tonga ankoatra izany dia ratsy.

38 Ary indro, voasoratra hoe, “maso solon’ ny maso, nify solon’ ny nify.

39 Nefa lazaiko aminareo fa tsy “hanohitra ny mpanao ratsy ianareo, fa na zovy na zovy no mamely anao eo amin’ ny takolaka havanana dia ^batodiho any aminy koa ny havia.

40 Ary raha misy olona te hitory anao araka ny lalàna ary maka ny salotrao, dia avelao koa izy haka ny jabinao;

41 Ary na zovy na zovy no hanery anao handeha mailly iray, dia mandehana miaraka aminy mailly roa.

42 “Omeo izay mangataka aminao, ary izay te hisambotra aminao dia aza ilaozanao mihodina.

43 Ary indro, voasoratra koa fa ianao dia ho tia ny namanao ary hankahala ny fahavalonao;

44 Nefa indro, lazaiko aminareo, tiavo ny “fahavalonareo, tsofirano ireo izay manozona

anareo, manaova soa amin’ ireo izay mankahala anareo, ^bmivava-ha ho an’ ireo izay ratsy fitondra anareo sy manenjika anareo;

45 Mba hahatonga anareo ho zanaky ny Rainareo izay any an-danitra; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin’ ny ratsy sy amin’ ny tsara.

46 Koa ireo zavatra ireo izay nisy fahagolan-tany, izay teo ambanin’ ny lalàna, dia ao Amiko no tanteraka avokoa.

47 Lasa ny “zavatra fahiny, ary efa tonga vaovao ny zava-drehetra.

48 Koa mba tiako ianareo ho “tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra.

TOKO 13

Nampianatra ny Nefita ny vavaky ny Tompo i Jesoa—Tokony hihary harena an-danitra izy—Nodidina tsy hanan’ eritreritra momba ny zavatra ara-nofa ny Roambinifolalahy eo amin’ ny asa fanompoany. Ampitahao amin’ i Matio 6. Tokony ho 34 taorian’ i j.k.

LAZAIKO marina dia marina tokoa, fa mba tiako ny hanaovanareo “fanampiana ho an’ ny mahantra; nefa mitandrema mba tsy hanaovanareo ny fanampianareo eo anoloan’ ny olona mba ho hitany; raha izany dia tsy hanana valisoa avy amin’ ny

34a TSM Faniratsirana.

38a Lev. 24:20.

39a 3 Ne. 6:13; 4 Ne. 1:34;
F&F 98:23–32.

b TSM Faharetana.

42a Jakôba 2:17–19;

Môsîà 4:22–26.

44a Ohab. 24:17;
Almà 48:23.

b Asa 7:59–60.

47a 3 Ne. 15:2, 7;

F&F 22:1.

48a Mat. 5:48; 3 Ne. 27:27.
TSM Tanteraka.

13 1a TSM Fiantrana.

Rainareo izay any an-danitra ianareo.

2 Koa rehefa manao ny fanampianareo ianareo, dia aza mitso-ka trompetra eo anoloanareo, toy ny ataon' ny mpiatsaravelatsihy ao amin' ny sinagoga sy eny an-dalana, mba hahazoany ny "fideran' ny olona. Lazaiko aminareo marina tokoa, efa azony ny valisoany.

3 Fa ianao kosa rehefa manao fanampiana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao havia izay ataon' ny tananao havanana;

4 Ka ny fanampiana dia atao-nao ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao Izy tenany izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

5 Ary rehefa "mivavaka ianao, dia aza manao tahaka ny mpiatsaravelatsihy, fa izy tia ny mivavaka mijoro eo amin' ny sinagoga sy eny amin' ny kihondalana mba hahitan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa, efa azony ny valisoany.

6 Fa ianao kosa rehefa mivavaka, dia midira ao amin' ny efitranonao, ary rehefa voarin-drinao ny varavaranao, dia mivavaha amin' ny Rainao izay ao amin' ny mangingina, ary ny Rainao izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

7 Fa rehefa mivavaka kosa ianareo, dia aza manao fame-rimberenana foana tahaka ny

mpanompo sampy, satria heveriny fa hohenoina izy noho ny habetsahan' ny teniny.

8 Aoka tsy hanahaka azy ianareo, fa ny Rainareo dia "mahafantatra izay zavatra ilainareo mialohan' ny hangatahanareo Aminy.

9 Koa araka izao "fomba izao no 'ivavahanareo: "Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.

10 Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra.

11 Ary mamela ny trosanay, toy ny amelanay izay nitrosa taminay.

12 Ary aza "mitarika anay ho amin' ny fakampanahy, fa manafaha kosa anay amin' ny ratsy.

13 Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena.

14 Fa raha "mamela ny olona ny hadisoany ianareo, ny Rainareo izay any an-danitra koa dia hamela anareo;

15 Fa raha tsy mamela ny olona ny hadisoany ianareo dia tsy hamela koa ny hadisoanareo ny Rainareo.

16 Ankoatra izany, rehefa "mifady hanina ianareo dia aza manahaka ny mpihatsaravelatsihy izay malahelo tarehy fa mampanjonitra ny tavany izy mba hahazoany miseho ho mifady hanina amin' ny olona. Lazaiko aminareo marina dia

2a F&F 121:34–35.

5a TSM Vavaka.

8a F&F 84:83.

9a Mat. 6:9–13.

b TSM Vavaka.

d TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

12a DJS, Mat. 6:14.

14a Môsià 26:30–31;
F&F 64:9.

TSM Mamela.

16a Isa. 58:5–7.

TSM Fifadian-kanina.

marina tokoa, efa azony ny valisoany.

17 Fa ianao kosa rehefa mifady hanina, dia hosory dilolo ny lohanao ary sasao ny tavanao;

18 Mba tsy hisehoanao ho mifady hanina amin' ny olona fa amin' ny Rainao kosa izay ao amin' ny "mangingina; ary ny Rainao izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

19 Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, ary mpangalatra mamaky trano sy mangalatra;

20 Fa miharia kosa "harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, izay tsy misy mpangalatra mamaky trano na mangalatra.

21 Fa izay misy ny harenao, dia ho any koa ny fonao.

22 Ny "jiron' ny vatana dia ny maso; koa, raha mahiratra ny masonao, dia ho feno hazavana ny tenanao manontolo.

23 Fa raha ratsy kosa ny masonao, dia ho feno haizina ny tenanao manontolo. Koa, raha maizina ny hazavana izay ao anatinao, akory ny halehiben' izany haizina izany!

24 Tsy misy olona afaka "manompo tompo roa; fa na izy hankahala ny anankiray ary ho tia ny anankiray, na izy hifikitra amin' ny anankiray ary hanamavo ny anankiray. Tsy afaka

manompo an' Andriamanitra sy i Mamôna ianareo.

25 Ary ankehitriny ny zavaintranga rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nibanjina ny roa ambin' ny folo izay efa nofinidiny Izy, sy niteny taminy hoe: Tsarovy ny teny izay efa noteneniko. Fa indro, ianareo no ireo izay efa nofidiko "hampianatra ity vahoaka ity. Noho izany dia lazaiko aminareo, ^baza manana eritreritra ny amin' ny ainareo, izay hohaninareo na izay hosotroinareo; na ny amin' ny tenanareo, izay hotafianareo. Moa va ny aina tsy manaoatra noho ny hanina ary ny tena noho ny fitafiana?

26 Jereo ny voromanidina eny amin' ny habakabaka, fa tsy mamafy na mijinja na manangona ho any an-tsompitra ireny; kanefa ny Rainareo any an-danitra dia mamahana azy ireny. Moa va ianareo tsy tsara lavitra noho ireny?

27 Iza aminareo, noho ny fanahiany, no afaka manampy hakiho iray amin' ny tsanganany?

28 Ary nahoana ianareo no manahy ny amin' ny fitafiana? Diniho ny fanirin' ny lilia any an-tsaha; tsy miasa na mamoly ireny;

29 Ary lazaiko aminareo anefa, fa na dia i Solomona tao amin' ny voninahiny rehetra aza dia tsy nitafy tahaka ny anankiray tamin' ireny.

30 Noho izany, raha tafian' Andriamanitra toy izany ny

18a F&F 38:7.
20a Hel. 5:8; 8:25.
22a F&F 88:67.

24a 1 Sam. 7:3.
25a TSM Fanompoana.
b Almà 31:37–38;

F&F 84:79–85.

ahitra any an-tsaha, izay eny anio ary hatsipy any am-patana rahampitso, dia toy izany koa no hanafiany anareo raha tsy kely finoana ianareo.

31 Noho izany dia aza manahy ka milaza hoe: Inona no hohaninay? na, Inona no hosotroinay? na, Inona no hatafy anay?

32 Fa fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa mila ireo zavatra rehetra ireo ianareo.

33 Nefa katsahonareo aloha ny “fanjakan’ Andriamanitra sy ny fahamarinany, ary hanampy ho anareo ireo zavatra rehetra ireo.

34 Noho izany dia aza manahy ny amin’ ny ampitso, fa ny ampitso dia hanahy ny amin’ ny zavatra ao aminy. Ampy ho an’ ny andro ny ratsy ao aminy.

TOKO 14

Nandidy i Jesoa: Aza mitsara; manontania an’ Andriamanitra; mitandrema amin’ ny mpaminany sandoka—Nampanantena famonjena ho an’ ireo izay manao ny sitrapon’ ny Ray Izy—Ampitahao amin’ i Matio 7. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nitodika indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary niloa-bava indray tamin’ ny nanao hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa,

aza “mitsara mba tsy hotsaraina ianareo.

2 “Fa amin’ ny fitsarana izay itsaranareo no hotsaraina ianareo; ary amin’ ny famarana izay amaranareo no hamarana anareo indray.

3 Ary nahoana ianao no mahita ny sombin-kazo izay eo amin’ ny mason’ ny rahalahinao, nefa tsy tandrinao ny andry izay eo amin’ ny masonao ihany?

4 Sa ahoana no hilazanao amin’ ny rahalahinao hoe: Avelao aho hanaisotra ny sombin-kazo hiala ny masonao—ary indro, ny andry dia eo amin’ ny masonao ihany?

5 Mpihatsaravelatsihy ianao, esory aloha ny “andry hiala ny masonao ihany; ary avy eo vao ho hitanao mazava tsara ny hanesorana ny sombin-kazo hiala ny mason’ ny rahalahinao.

6 Aza omena ho an’ ny alika izay “masina, na atsipy koa eo anoloan’ ny kisoa ny voahanginareo, fandrao hohosihoseny amin’ ny tongony izany, ary hifotitra izy ka hamiravira anareo.

7 “Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondòny, dia hovohana ianareo.

8 Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondona no hovohana.

9 Sa iza no olona eo aminareo izay raha angatahan’ ny zanany mofo no hanome azy vato?

33a Lio. 12:31.

14 1a djs, Mat. 7:1–2;
Jao. 7:24.

2a Môrm. 8:19.

5a Jao. 8:3–11.
6a TSM Masina.

7a 3 Ne. 27:29.

TSM Vavaka.

10 Na raha angatahany trondro no hanome azy menarana?

11 Amin' izany raha ianareo izay ratsy aza mahalala ny hanome fanomezana tsara ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo izay any an-danitra no hanome zavatra tsara ho an' ireo izay mangataka Aminy?

12 Noho izany, ny zavatra rehetra na inona na inona ka tianareo mba hataon' ny olona aminareo, dia "ataovy toy izany aminy koa, fa izany no lalàna sy ny mpaminany.

13 Midira amin' ny "vavahady ety ianareo; fa malalaka ny vavahady ary ^bmigodana ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fahaverezana, ary misy maro no miditra any;

14 Satria ety ny "vavahady ary ^btery ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fiainana, ary ^dvitsy no mahita izany.

15 Mitandrema amin' ny "mpaminany sandoka izay mankeo aminareo amin' ny fitafian' ny ondry, nefa ao anatin' dia ambodia mitoha izy.

16 Ho fantatrareo amin' ny voany izy. Moa va ny olona mioty voaloboka amin' ny tsilo, na aviavy amin' ny songosongo?

17 Dia toy izany ny hazo tsara tsirairay dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy kosa dia mamoa voa ratsy.

18 Ny hazo tsara tsy afaka ma-

moa voa ratsy, ny hazo ratsy tsy mamoa voa tsara.

19 Ny hazo tsirairay izay tsy "mamoa voa tsara dia kapaina sy atsipy any anaty afo.

20 Koa ny "voany no hahafantarareo azy.

21 Tsy izay rehetra manao Amiko hoe, Tompo ô, Tompo ô, no hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra; fa izay manao kosa ny sitrapon' ny Raiko izay any an-danitra.

22 Maro no "hilaza amiko amin' izay andro izay hoe: Tompo ô, Tompo ô, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay, ary tamin' ny anaranao no efa nandroahanay ny devoly hiala, ary tamin' ny anaranao no efa nanaovanay asa mahatalanjona maro?

23 Ary amin' izany dia hotsoriko aminy hoe: Tsy "nahafantatra anareo na oviana na oviana Aho; ^bmialà Amiko ianareo izay mpanao heloka.

24 Koa, na zovy na zovy no mandre izao teniko izao sy mampihatra izany dia hohariko amin' ny lehilahy malina iray izay nanorina ny tranony teo amin' ny "vatolampy—

25 Ary nirotsaka ny "orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofoko ny rivotra ary namely izany trano izany; ary tsy ^bnianjera izany, satria efa niorina teo amin' ny vatolampy.

12a TSM Fangorahana.

13a Lio. 13:24; 3 Ne. 27:33.

b F&F 132:25.

14a 2 Ne. 9:41; 31:9,

17–18; F&F 22:1–4.

b 1 Ne. 8:20.

d 1 Ne. 14:12.

15a Jer. 23:21–32;

2 Ne. 28:9, 12, 15.

19a Mat. 3:10;

Almà 5:36–41;

F&F 97:7.

20a Lio. 6:43–45;

Môrô. 7:5.

22a Almà 5:17.

23a Môsià 5:13; 26:24–27.

b Lio. 13:27.

24a TSM Vatolampy.

25a Almà 26:6;

Hel. 5:12.

b Ohab. 12:7.

26 Ary izay rehetra mandre izao teniko izao ary tsy mampihatra izany dia hoharina amin' ny lehilahy adala izay nanorina ny tranony teo amin' ny "fasika—

27 Ary nirotsaka ny orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofono ny rivotra ary namely izany trano izany; ary nianjera izany, ary lehibe ny fianjerany.

TOKO 15

Nolazain' i Jesoa fa tanteraka ao Aminy ny lalàn' i Mosesy—Ny Nefita no ondry hafa izay noresahiny tany Jerosalema—Noho ny heloka, dia tsy nahafantatra ny amin' ny ondrin' i Isiraely niely patrana ny vahoakan' ny Tompo tao Jerosalema. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa namarana ireo teny ireo i Jesoa dia nanopy ny masony manodidina tany amin' ny valalabemandry Izy ary nanao taminy hoe: Indro, efa renareo ny zavatra izay nampianariko talohan' ny niakarako tany amin' ny Raiko; koa, na zovy na zovy no mahatsiaro ireo teniko ireo sy "mampihatra izany dia izy no "hatsangako amin' ny andro farany.

2 Ary ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia nahatakatra Izy fa nisy ny sasany teo anivony izay nitalan-

jona sy nanontany tena ny amin' izay tiany holazaina momba ny "lalàn' i Mosesy; fa tsy takany ny filazana fa efa lasana ny zavatra taloha ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

3 Ary hoy Izy taminy: Aza gaga noho ny nilazako taminareo fa efa lasana ny zavatra taloha ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

4 Indro, lazaiko aminareo fa tanteraka ny "lalàna izay nomena an' i Mosesy.

5 Indro, "Izaho no Izy izay nanome ny lalàna, ary Izaho no Izy izay nanao fanekempihavanana tamin' i Isiraely oloko; noho izany, ny lalàna dia tantarako ao Amiko, fa efa tonga Aho "hanatanteraka ny lalàna; koa manam-piafarana izany.

6 Indro, Izaho "tsy mandrava ny mpaminany, fa izay rehetra tsy notanterahina tao Amiko, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa hotanterahina avokoa.

7 Ary satria nilaza taminareo Aho fa efa lasana ny zavatra taloha, dia tsy mandrava izay efa notenenina momba ny zavatra izay ho avy Aho.

8 Fa indro, ny "fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny oloko dia tsy tanteraka avokoa; fa ny lalàna izay nomena an' i Mosesy dia manam-piafarana ao Amiko.

9 Indro, Izaho no "lalàna sy "fahazavana. Mijere atỳ Amiko

26a 3 Ne. 11:40.

15 1a Jakoba 1:22.

b 1 Ne. 13:37; F&F 5:35.

2a tsm Lalàn' i Mosesy.

4a Môsià 13:27–31;

3 Ne. 9:17–20.

5a 2 Tan. 10:1–4;

3 Ne. 11:14.

tsm Jehovah.

b Almà 34:13.

6a 3 Ne. 23:1–5.

8a 3 Ne. 5:24–26.

9a 2 Ne. 26:1.

b tsm Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

ary mahareta hatramin' ny farany dia ho ^avelona ianareo; fa izay ^amaharitra hatramin' ny farany no homeko ny fiainana mandrakizay.

10 Indro, efa nomeko anareo ny didy; koa tandremo ny ^adidiko. Ary izany no lalàna sy ny mpaminany, fa ^bnanambara marina tokoa ny Amiko ireo.

11 Ary ankehitriny ny zav-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia hoy Izy tamin' ireo roa ambin' ny folo izay efa nofinidiny ireo:

12 Ianareo no mpianatro; ary ianareo dia fahazavana ho an' ity vahoaka ity izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i ^aJosefa.

13 Ary indro, ity no ^atany lovanareo; ary efa nomen' ny Ray anareo izany.

14 Ary na oviana na oviana ny Ray dia tsy nanome Ahy didy mba ^ahitenenako izany tamin' ny rahalahinareo tao Jerosalema.

15 Na oviana na oviana koa ny Ray dia tsy nanome Ahy didy mba hitenenako aminy ny momba ny ^afoko hafa amin' ny mpianakavin' i Isiraely, izay efa notarihan' ny Ray hivoaka ny tany.

16 Izao ihany no nandidian' ny Ray Ahy mba hoteneniko aminy:

17 Izaho dia manana ondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity; ireny koa dia tsy maintsy

entiko, ary handre ny feoko ireny; ary hisy vala iray sy ^ampiandry iray.

18 Ary ankehitriny, noho ny hamafin' ny hatony sy ny tsy finoany dia tsy ^anahazo ny tene-niko izy; koa nodidian' ny Ray Aho tsy hilaza intsony ny momba izany zavatra izany taminy.

19 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa efa nandidy Ahy ny Ray, ary teniko aminareo izany, fa ianareo dia nosarahina taminy noho ny helony; koa noho ny helony dia tsy fantany ny aminareo.

20 Ary lazaiko aminareo marina tokoa indray fa efa nosarah-an' ny Ray taminy ny foko hafa; ary izany dia noho ny helony ka tsy fantany ny amin' ireny.

21 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, fa ianareo no ireo izay efa nolazaiko hoe: Manana ^aondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity Aho; ireny koa dia tsy maintsy entiko, ary handre ny feoko ireny ary hisy vala iray sy mpiandry iray.

22 Ary tsy nahazo Ahy izy, satria noheveriny fa ny ^aJentilisa izany; tsy azony fa ny Jentilisa dia ^bhiova fo amin' ny alalan' ny fitoriany.

23 Ary tsy nahazo Ahy izy rehefa nilazako fa handre ny feoko ireny; ary tsy nahazo Ahy izy fa tsy handre na oviana na oviana ny feoko ny ^aJentilisa — fa Izaho

9d Jao. 11:25; F&F 84:44.

^e TSM Maharitra.

10a 3 Ne. 12:20.

^b Môsià 13:33.

12a TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

13a 1 Ne. 18:22–23.

14a 3 Ne. 5:20.

15a 3 Ne. 16:1–4.

TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'
ny Isiraely.

17a TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

18a F&F 10:59.

21a Jao. 10:14–16.

22a TSM Jentilisa.

^b Asa 10:34–48.

23a Mat. 15:24.

tsy haneho ny tenako aminy raha tsy amin' ny alalan' ny ^bFanahy Masina.

24 Nefa indro, sady efa nandre ny “feoko ianareo no nahita Ahy; ary ianareo no ondriko ary ianareo dia raisina ho isan' ireo izay efa ^bnomen' ny Ray Ahy.

TOKO 16

Hamangy ny hafa amin' ny ondry very amin' i Isiraely i Jesoa — Amin' ny andro farany dia handeha any amin' ny Jentilisa ary avy eo dia any amin' ny mpianakavin' i Isiraely ny filazantsara — Hahita mifanatri-maso ny vahoakan' ny Tompo rehefa mamerina indray an' i Ziona Izy. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa Izaho dia manana “ondry hafa izay tsy avy amin' ity tany ity, na avy amin' ny tanin' i Jerosalema, na avy amin' ny faritry ny tany manodidina izay efa nalehako mba hampianatra.

2 Fa ireo izay resahiko dia ireo izay tsy mbola nandre ny feoko; tsy mbola naneho na oviana na oviana ny tenako taminy Aho.

3 Nefa efa nandray ny didy avy tamin-dRaiko Aho handehanako any “amin' mba han-

drenesany ny feoko ary handraisana azy ho isan' ny ondriko, mba hisian' ny vala iray sy ny mpiandry iray; koa andeha Aho haneho ny tenako aminy.

4 Ary mandidy anareo Aho hanoratanareo ireto “teny ireto rehefa lasa Aho, fa raha toa ka ny oloko ao Jerosalema, ireo izay efa nahita Ahy sy niaraka tamiko tao amin' ny asa fanompoako no tsy manontany ny Ray amin' ny anarako mba hahazoany mandray fahalalana ny aminareo amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, ary koa ny amin' ny foko hafa izay tsy fantany ny aminy, dia ireto teny izay hosoratanareo ireto no hotehirizina sy haseho ny ^bJentilisa, ka amin' ny alalan' ny fahafenoan' ny Jentilisa, ny sisa tavela amin' ny taranany, izay haely patrana eran' ny lafin-tany noho ny tsy finoany dia ho azo averina na ho azoentina ho amin' ny “fahalalana Ahy, Mpanavotra azy.

5 Ary amin' izany Aho dia “hanangona azy avy amin' ny vazan-tany efatra; dia hotanterahiko ny ^bfanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny vahoaka rehetra amin' ny “mpianakavin' i Isiraely.

6 Ary hotahiana anie ny “Jentilisa noho ny finoany Ahy, ao sy

23b 1 Ne. 10:11.

tsm Fanahy Masina.

24a Almà 5:38;

3 Ne. 16:1–5.

b Jao. 6:37;

F&F 27:14.

16 1a 3 Ne. 15:15.

tsm Isiraely—Ireo

foko folo very amin' ny Isiraely.

3a 3 Ne. 17:4.

4a tsm Soratra Masina.

b 1 Ne. 10:14;

3 Ne. 21:6.

d Ezek. 20:42–44;

3 Ne. 20:13.

5a tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b 3 Ne. 5:24–26.

d 1 Ne. 22:9;

3 Ne. 21:26–29.

6a 1 Ne. 13:30–42;

2 Ne. 30:3.

amin' ny alalan' ny ^bFanahy Masina, izay mijoro ho vavolombelona aminy ny Amiko sy ny amin' ny Ray.

7 Indro, noho ny finoany Ahy, hoy ny Ray, ary noho ny tsy finoanao, Ry mpianakavin' i Isiraely, amin' ny "andro farany dia ho tonga any amin' ny Jentilisa ny marina, ka ny fahafenoan' ireo zavatra ireo dia hampahafantarina azy.

8 Nefa, hoy ny Ray, lozan' ny tsy mpino amin' ny Jentilisa — fa na dia teo aza ny efa nahatongavany teo amin' ity lafin-tany ity sy ny "nanelezany ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely dia efa ^bnorohina hiala avy teo anivony sy efa nohosihoseny tamin' ny tongotra;

9 Ary noho ny famindram-pon' ny Ray amin' ny Jentilisa ary koa ny fitsaran' ny Ray teo amin' ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, dia lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa taorian' izany rehetra izany, ary efa nataoko ny hikapohana sy ny hampahoriana, ary ny "hamonoana sy ny handroahana ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, hiala avy teo anivony, ka hahatonga azy ho hankahalainy, ary hanjary ho fanaraby sy ho faneso eo aminy —

10 Ary dia izao no andidian' ny Ray holazaiko anareo: Amin' ny andro izay hanotan' ny Jentilisa amin' ny filazantsarako sy hitsipahany ny fahafenoan' ny filazantsarako ary "hahatafasondrotany ao amin' ny avonavon' ny fony ho ambonin' ny firenena rehetra sy ho ambonin' ny vahoaka rehetra amin' ny tany manontolo, ary hahafeno azy amin' ny karazana lainga sy fitaka ary hasomparana rehetra, ary ny karazana fihatsarambelatsihy, sy ny vonoan' olona, ary ny ^bkomiberaky ny mpisorona sy ny fijangajangana ary ny fahavetavetana an-tsokosoko rehetra; ary raha manao ireo zavatra rehetra ireo izy sy hitsipaka ny fahafenoan' ny filazantsarako dia indro, hoy ny Ray, hoentiko hiala avy teo anivony ny fahafenoan' ny filazantsarako.

11 Ary amin' izany Aho dia "hahatsiaro ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary hoentiko any aminy ny filazantsarako.

12 Ary dia hasehoko anao, Ry mpianakavin' i Isiraely, fa tsy hanam-pahefana aminao ny Jentilisa; fa hotsarovako kosa ny fanekempihavanako taminao, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary ho tonga amin' ny "fahalalana ny fahafenoan' ny filazantsarako ianao.

6b 2 Ne. 32:5;
3 Ne. 11:32, 35-36.
TSM Fanahy Masina.
7a TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.
8a 1 Ne. 13:14;
Môrm. 5:9, 15.
b 3 Ne. 20:27-29.
9a Amo. 9:1-4.

10a Môrm. 8:35-41.
b 2 Ne. 26:29.
11a 3 Ne. 21:1-11;
Môrm. 5:20.
12a Hel. 15:12-13.

13 Nefa raha mibebaka sy miverina Amiko ny Jentilisa, hoy ny Ray, dia indro horaisina ho “isan’ ny oloko izy, Ry mpiana-kavin’ i Isiraely.

14 Ary Izaho tsy hamela ny oloko, izay avy amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely handeha hamakivaky eo anivony sy hanosihosy azy, hoy ny Ray.

15 Nefa raha tsy mitodika Amiko izy ary tsy mihaino ny feoko, Izaho dia hamela azy, eny, Izaho dia hamela ny oloko, Ry mpianakavin’ i Isiraely, mba handehanany mamakivaky eo anivony sy “hanosihoseny azy, ary ho tahaka ny sira izay efa very tsiro izy ka tsy misy ilana azy intsony fa hariana kosa eny ivelany, ary dia hohosihosen’ ny vahoaka amin’ ny tongotra izy, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

16 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izao no efa nandidian’ ny Ray Ahy—dia ny hanomezako ity tany ity ho an’ ity vahoaka ity ho lovary.

17 Ary amin’ izany dia ho tanteraka ny “tenin’ i Isaia mpaminany, izay manao hoe:

18 “Ny ^bmpitilinao hanandra-peo; hampiarapeo izy ireo ka hihira, fa izy ireo dia hahita mifanatri-maso rehefa hampodian’ ny Tompo indray i Ziona.

19 Velomy ny hoby, miaraha-mihira ianareo ry toerana rava

ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nana-voatra an’ i Jerosalema Izy.

20 Ny Tompo efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason’ ny firenena rehetra; ary ny faran’ ny tany rehetra hahita ny famonjen’ Andriamanitra.

TOKO 17

I Jesoa dia nisarika ny olona hisaintsaina ny teniny sy hivavaka hahatakarany izany—Nositrani-ny ny marary—Nivavaka ho an’ ny vahoaka Izy ka nampiasa fiteny izay tsy hay soratana—Nanompo ny anjely ary nanodidina ny ankizy madininy ny afo. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nanopy ny masony manodidina indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Indro, efa antomotra ny “fotoako.

2 Takatro fa osa ianareo ka tsy afaka ny “hahatakatra ny teniko rehetra izay andidian’ ny Ray Ahy hoteneniko aminareo amin’ izao fotoana izao.

3 Koa modia any an-tranonareo, ary “saintsaino ny zavatra izay efa nolazaiko, ary anontanio amin’ ny Anarako ny Ray, mba hahatakaranareo, ary ^bomany ny sainareo ho amin’ ny “am-

13a Gal. 3:7, 29;
1 Ne. 15:13–17;
2 Ne. 10:18;
3 Ne. 30:2;
Abr. 2:9–11.
15a Mika 5:8–15;
3 Ne. 20:16–19;

21:12–21;
F&F 87:5.
17a 3 Ne. 20:11–12.
18a Isa. 52:8–10.
b Ezek. 33:1–7.
TSM Mpiambina.
17 1a 1E miverina any

amin’ ny Ray. Jereo andininy 4.
2a Jao. 16:12;
F&F 78:17–18.
3a TSM Misaintsaina.
b F&F 132:3.
d 3 Ne. 19:2.

pitso, ary hankatỳ aminareo indray Aho.

4 Fa ankehitriny kosa Aho dia “hankany amin’ ny Ray ary ^bhaneho ny tenako koa amin’ ny ^dfoko very amin’ i Isiraely, fa tsy very izy amin’ ny Ray, fa Izy mahalala izay efa nitondra-ny azy.

5 Ary ny zava-nitranga, nony efa niteny toy izany i Jesoa, dia nanopy ny masony manodidina indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary nahatazana azy tao amin’ ny ranomaso ary ny fijeriny dia nifantoka Taminy miova tsy ny te hangataka Azy mba hijanona maharitraritra miaraka aminy.

6 Ary hoy Izy taminy: Indro, ny kiboko dia feno “fangorahana aminareo.

7 Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento atỳ ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento atỳ izy dia hositrany, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindram-po.

8 Satria takatro fa irianareo ny hanehoako aminareo izay efa nataoko tamin’ ny rahalahinareo tao Jerosalema, satria hitako fa “ampy ny ^bfinoanareo hana-sitrany anareo.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany Izy, dia niara-nientana ny valalabemandry iray manontolo, nandroso niaraka tamin’ ny marariny sy ny oriny ary ny maleminy, ary niaraka tamin’ ny jambany, ary niaraka tamin’ ny mareniny sy tamin’ ireo izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany; ary “nositrany ny tsirairay avy taminy arakaraka ny nitondrana azy teo anoloany.

10 Ary izy rehetra, na ireo izay nositrany, na ireo izay salama, dia samy niankohoka teo an-tongony, sy nitsaoka Azy; ary izay rehetra afaka nanatona Azy avy tamin’ ny valalabemandry dia “nanoroka ny tongony, hany ka izy ireo dia nampandro ny tongony tamin’ ny ranomasony.

11 Ary ny zava-nitranga dia nodidiany ny hitondrana ny “ankizy madininy.

12 Koa nentina ny ankizy madininy sy napetrany tamin’ ny tany manodidina Azy, ary nijoro teo afovoany i Jesoa; ary ny valalabemandry dia nanome lalana ambara-pitondrany azy rehetra teo anoloany.

13 Ary ny zava-nitranga nony efa nentina avokoa izy ireny ary nijoro teo afovoany i Jesoa, dia nodidiany ny “handohalian’ ny valalabemandry amin’ ny tany.

14 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandohalika tamin’ ny tany

4a 3 Ne. 18:39.

b 3 Ne. 16:1–3.

d TSM Isiraely—Ireo foko folo very amin’ ny Isiraely.

6a TSM Fangorahana.

8a 2 Ne. 27:23;

Etera 12:12.

b Lio. 18:42.

9a Môsià 3:5; 3 Ne. 26:15.

10a Lio. 7:38.

11a Mat. 19:13–14;

3 Ne. 26:14, 16.

13a Lio. 22:41;

Asa 20:36.

ireo, dia nitoloko ny tao anatin' i Jesoa, ary hoy Izy: Ray ô, "ory Aho noho ny faharatsian' ny vahoaka amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

15 Ary nony efa nilaza ireo teny ireo Izy, dia nandohalika tamin' ny tany koa ny tenany; ary indro nivavaka tamin' ny Ray Izy, ary ny zavatra izay nivavahany dia tsy hay soratana, ary ny valalabemandry dia vavolombelona manambara, izay nandre Azy.

16 Ary toy izao no fomba ijoroany ho vavolombelona: Ny "maso dia tsy mbola nahita na oviana na oviana, ny sofina tsy mbola nandre zavatra lehibe sy mahatalanjona loatra toy izay hitanay sy renay notenenin' i Jesoa tamin' ny Ray;

17 Ary tsy misy "lela afaka miteny, tsy misy olona koa afaka manoratra, tsy hain' ny fon' ny olona koa ny misaintsaina ny zavatra lehibe sy mahatalanjona tokoa toy ny nahitanay sy ny nandrenesanay an' i Jesoa niteny; ary tsy misy afaka misaintsaina ny fifaliana izay nameno ny fanahinay tamin' ny fotoana nandrenesanay Azy nivavaka tamin' ny Ray ho anay.

18 Ary ny zava-nitranga, nony efa nofaranan' i Jesoa ny vavaka tamin' ny Ray, dia nitsangana Izy; fa lehibe loatra kosa ny "fifalian' ny valalabemandry ka ankona ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia

niteny taminy i Jesoa sy nibaiko azy hitsangana.

20 Ary nitsangana avy tamin' ny tany ireo, ary hoy Izy taminy: Hotahiana ianareo noho ny finoanareo, ary ankehitriny, indro, feno ny fifaliako.

21 Ary nony efa nilaza ireo teny ireo Izy, dia "nitomany, ary ny valalabemandry dia vavolombelona nanambara izany, ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary "notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

22 Ary nony nanao izany Izy dia nitomany indray;

23 Ary niteny tamin' ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Jereo ny madinikareo.

24 Ary raha nijery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masony nankany an-danitra izy ireo, ary nahita ny lanitra nisokatra sy nahita anjely nidi-na avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan' ny afo; ary nidina ireny sy "nanodidina ireo ankizy madinika ireo; ary nohodidinin' ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo.

25 Ary ny valalabemandry dia nahita sy nandre ary vavolombelona manambara; ary fantany fa ny fanambarany dia marina, fa sady nahita no nandre avokoa izy ireo, ny tsirairay ho an' ny tenany avy; ary izy ireo dia niisa sahabo ho dimanjato sy roa arivo olona; ary izy ireo dia nahitana lehilahy, vehivavy ary ankizy.

14a Mos. 7:41.

16a Isa. 64:4; 2 Tan. 2:9;
F&F 76:10, 114–119.

17a 2 Kor. 12:4.

18a TSM Fifaliana.
21a Jao. 11:35.

b Mar. 10:14–16.

24a Hel. 5:23–24, 43–45.

TOKO 18

Nampiorina ny Fanasan' ny Tompo teo anivon' ny Nefita i Jesoa — Nodidina izy ireo hivavaka mandrakariva amin' ny Anarany — Voaozona ireo izay mihinana ny nofony sy misotro ny rany tsy amim-pahamendrehana — Omena fahefana ny mpianatra hanolotra ny Fanahy Masina. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nandidy ny mpianany i Jesoa mba hitondrany “mofo sy divay eo Aminy.

2 Ary raha mbola nandeha nitady mofo sy divay izy ireo, dia nodidiany ny valalabemandry hipetraka amin' ny tany.

3 Ary nony efa tonga ny mpianatra niaraka tamin' ny “mofo sy ny divay, dia nalainy ny mofo ka novakiany ary notsofiny rano; ary nomeny ny mpianany sy nodidiany ny hihinanany.

4 Ary rehefa avy nihinana izy ireo ka voky, dia nodidiany ny hanomezany ny valalabemandry.

5 Ary nony efa nihinana ny valalabemandry ka voky, dia hoy Izy tamin' ny mpianatra: Indro hisy anankiray aminareo hotendrena, ary izy no homeko fahefana “hamakiany ny mofo sy hitsofany rano izany ary hanomezany ny vahoakan' ny fiangonako izany, ho an' ireo rehetra izay hino ary hatao batisa amin' ny Anarako.

6 Ary izany dia hoezahanareo

mandrakariva hatao, toy izay efa nataoko, toy izay efa nama-kiako ny mofo sy nitsofako rano izany ary ny nanomezako izany anareo.

7 Ary izany no hataonareo ho “fahatsiarovana ny vatako izay efa nasehoko anareo. Ary izany dia ho vavolombelona amin' ny Ray fa mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo. Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo.

8 Ary ny zava-nitranga rehefa nilaza ireo teny ireo Izy, dia nandidy ny mpianany ny handraisany amin' ny divain' ny kapoaka sy ny hisotroany amin' izany, ary ny hanomezany koa ny valalabemandry mba hahazoany misotro amin' izany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nataon' izy ireo izany, ary dia nisotro tamin' izany izy ireo ka voky; ary nomen' izy ireo ny valalabemandry, ary ireo dia nisotro, ka voky.

10 Ary nony efa nanao izany ny mpianatra, dia hoy Jesoa taminy: Hotahiana ianareo noho ity zavatra izay efa nataonareo, fa izany no fanatanterahana ny didiko, ary izany dia vavolombelona amin' ny Ray fa vonona hanao izay efa nandidiako anareo ianareo.

11 Ary izany no hataonareo mandrakariva amin' ireo izay mibebaka sy atao batisa amin' ny anarako; ary hanao izany ianareo ho fahatsiarovana ny rako izay efa nalatsaka ho ana-

reo mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa ianareo dia mahatsiaro AhY mandrakariva. Ary raha mahatsiaro AhY mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo.

12 Ary omeko anareo ny didy mba hanaovanareo ireo zavatra ireo. Ary raha manao mandrakariva ireo zavatra ireo ianareo, dia hotahiana ianareo, fa miorina eo ambonin' ny "vatolampiko ianareo.

13 Saingy na zovy na zovy no manao mihoatra na latsaka noho ireo dia tsy miorina eo ambonin' ny vatolampiko izy, fa miorina kosa eo amin' ny fanorenana fasika; ary rehefa mirotsaka ny orana sy tonga ny riaka, ary mifofofono ny rivotra, ary mamely azy, dia "hianjera izy, ary misokatra sahady ny "vavahadin' ny helo handray azy.

14 Koa hotahiana ianareo raha mitandrina ny didiko izay efa nandidian' ny Ray AhY mba homeko anareo.

15 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, tsy maintsy miambina sy "mivavaka mandrakariva ianareo, fandrao dia halain' ny devoly fanahy ary hoentiny ho babo.

16 Ary toy ny efa nivavahako teo anivonareo dia toy izany koa no hivavahanareo ao amin' ny fiangonako, eo anivon' ny oloko izay mibebaka sy atao batisa

amin' ny anarako. Indro Izaho no "fahazavana; efa nanome "ohatra ho anareo Aho.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa niteny ireo teny tamin' ny mpianany i Jesoa, dia nitodika indray tany amin' ny valalabemandry Izy ary nanao taminy hoe:

18 Indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, tsy maintsy miambina sy mivavaka mandrakariva ianareo fandrao miditra ao amin' ny fakampahy; fa maniry ny hahazo anareo i "Satana mba hahazoany mikororoka anareo toy ny varimbazaha.

19 Koa tsy maintsy mivavaka mandrakariva amin' ny Ray amin' ny anarako ianareo;

20 Ary "na inona na inona hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, ka rariny, rehefa mino ianareo fa handray, dia indro homena anareo izany.

21 "Mivavaha amin' ny Ray ao amin' ny fianakavianareo amin' ny anarako mandrakariva mba hitahiana ny vadinareo sy ny zanakareo.

22 Ary indro, hihaona miaraka matetika ianareo; ary tsy handrara na iza na iza tsy hanatona anareo ianareo rehefa mivory miaraka, fa hamela azy kosa mba hahazoany manatona anareo ary aza mandrara azy;

23 Fa "hivavaka ho azy kosa ianareo ary tsy handroaka azy

12a TSM Vatolampy.

13a TSM Apôstazia.
b 3 Ne. 11:39.

15a Almà 34:17-27.

TSM Vavaka.

16a TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

b TSM Jesoa Kristy—
Ny ohatra nasehon' i
Jesoa Kristy.

18a Lio. 22:31;

2 Ne. 2:17-18;

F&F 10:22-27.

20a Mat. 21:22; Hel. 10:5;

Môrô. 7:26;

F&F 88:63-65.

21a Almà 34:21.

23a 3 Ne. 18:30.

hiala; ary raha toa ka tonga matetika eo aminareo izy, dia hivavaka amin' ny Ray ho azy amin' ny anarako ianareo.

24 Koa, aingao ambony ny "fahazavanareo mba hamirapiratany eo amin' izao tontolo izao. Indro, Izaho no ^bfahazavana izay haingainareo ambony — izay efa hitanareo fa nataoko. Indro hitanareo fa efa nivavaka tamin' ny Ray Aho, ary efa va-volombelona avokoa ianareo.

25 Ary hitanareo fa efa nandidy Aho mba "tsy hisy aminareo handeha hiala, fa efa naleoko kosa nandidy ny hankanesanareo atỳ Amiko ka hahazoanareo ^bmitsapa sy mahita; dia toy izany koa no hataonareo amin' izao tontolo izao; ary na zovy na zovy no mandika izao didy izao dia mamela ny tenany ho azon' ny fakampanahy izy.

26 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia natodiny indray tany amin' ny mpianatra izay efa nofinidiny ny masony, ary hoy Izy taminy:

27 Indro lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko didy iray hafa ianareo, ary avy eo Aho dia tsy maintsy mandeha mankany amin' ny "Ray hahazoako manatanteraka ny ^bdidy hafa izay efa nomeny Ahy.

28 Ary ankehitriny indro, izao no didy izay omeko anareo, mba tsy hisy havelanareo hinia "han-

dray amin' ny nofoko sy ny rako ^btsy amim-pahamendrehana, rehefa hohamasininareo izany;

29 Fa na zovy na zovy no mihinana sy misotro ny nofoko sy ny "rako ^btsy amim-pahamendrehana dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an' ny fanahiny; koa raha fantatrareo fa tsy mendrika ny hihinana sy hisotro amin' ny nofoko sy ny rako ny olona iray, dia horaranareo izy.

30 Kanefa "tsy handroaka azy hiala avy teo anivonareo ianareo, fa hiahy azy ianareo sy hivavaka amin' ny Ray ho azy amin' ny anarako; ary raha toa ka mibebaka izy sy atao batisa amin' ny anarako, dia handray azy ianareo amin' izany ary hanome azy amin' ny nofoko sy ny rako.

31 Nefa raha tsy mibebaka izy dia tsy horaisina ho isan' ny oloko mba tsy hahazoany mandrava ny oloko, fa indro fantatro ny "ondriko, ary voaisa ireny.

32 Kanefa tsy handroaka azy hiala ny sinagoganareo ianareo, na ny toeram-pivavahanareo, fa ho an' ny toa azy no hanohizanareo ny fiahianareo; satria tsy fantatrareo raha toa ka hiverina sy hibe-baka izy ary hanatona Ahy amin' ny fo feno finiavana, ary Izaho "hanasitrana azy; ary ianareo no ho fitaovana amin' ny fitondrana ny famonjena ho azy.

24a Mat. 5:16.

^b Môsà 16:9.

25a Almà 5:33.

^b 3 Ne. 11:14–17.

27a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

^b 3 Ne. 16:1–3.

28a 2 Tan. 11:27–30.

^b Môrm. 9:29.

29a TSM Ra; Fanasan' ny Tompo.

^b F&F 46:4.

30a F&F 46:3.

31a Jao. 10:14;

Almà 5:38;

3 Ne. 15:24.

32a 3 Ne. 9:13–14;

F&F 112:13.

33 Koa tandremo ny teniko izay efa nandidiako anareo mba tsy hahatonga anareo ho eo ambanin' ny "fanamelohana; fa lozan' izay melohin' ny Ray.

34 Ary omeko anareo ireo didy ireo noho ny fifanjihirana izay efa nisy teo anivonareo. Ary hotahiana ianareo raha "tsy manana fifanjihirana eo anivonareo.

35 Ary ankehitriny Aho dia mandeha mankany amin' ny Ray, satria ilaina ny handehana mankany amin' ny Ray "noho ny aminareo.

36 Ary ny zava-nitranga, nony efa namarana ireo teny ireo i Jesoa, dia nokasihiny tamin' ny "tanany ny ^bmpianatra tsirairay izay efa nofinidiny, ambara-pikasihany azy rehetra, ary niresaka taminy Izy raha nikasika azy.

37 Ary tsy nandre ny teny izay noteneniny ny valalabemandry, noho izany izy ireo dia tsy vavolombelona manambara; fa ny mpianatra kosa dia vavolombelona manambara fa nomeny "fahefana izy ireo hanome ny ^bFanahy Masina. Ary hasehoko anareo any aoriana fa izany fanambarana izany dia marina.

38 Ary ny zava-nitranga nony efa nikasika azy rehetra i Jesoa, dia nisy "rahona tonga nanaloka ny valalabemandry ka tsy nahafahany nahita an' i Jesoa.

39 Ary raha mbola nalofana izy ireo, dia lasana Izy niala teo aminy ary niakatra nankany an-danitra. Ary nahita ny

mpianatra sy vavolombelona manambara fa niakatra indray any an-danitra Izy.

TOKO 19

Niahy ny vahoaka ny mpianatra roa ambin' ny folo ary nivavaka mba handray ny Fanahy Masina — Natao batisa ny mpianatra ary nandray ny Fanahy Masina sy ny fiahian' ny anjely — Nivavaka i Jesoa sady nampiasa teny izay tsy hay soratana — Nohamarininy ny finoana lehibe fatratra tokoa an' ireo Nefita. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga nony efa niakatra tany an-danitra i Jesoa, dia niparitaka ny valalabemandry, ary ny lehilahy tsirairay dia naka ny vadiny sy ny zanany ary niverina tany an-tranony ihany.

2 Ary niely avy hatrany tany anivon' ny vahoaka ny feo, raha tsy mbola maizina akory, fa efa nahita an' i Jesoa ny valalabemandry ary Izy dia efa nanompo azy ireo, ary Izy dia haneho ny tenany amin' ny valalabemandry ny ampitso.

3 Eny, ary na dia nandritra ny alina manontolo aza dia niely lavitra ny feo momba an' i Jesoa; ary maro tokoa no nampanirahina tany amin' ny vahoaka ka nisy maro, eny, marobe izaitsizy tokoa no isan' ireo nilofo fatratra tokoa tamin' izany manontolo alina izany mba hah-

33a TSM Fanamelohana.

34a 3 Ne. 11:28–30.

35a 1 Jn. 2:1; 2 Ne. 2:9;
Môrô. 7:27–28;

F&F 29:5.

36a TSM Fametrahan-
tanana.

b 1 Ne. 12:7; 3 Ne. 19:4.

37a TSM Hery.

b TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

38a Eks. 19:9, 16.

tongavany eo amin' ny toerana izay hanehoan' i Jesoa ny tenany amin' ny valalabemandry ny ampitso.

4 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, nony efa tafavory ny valalabemandry, dia indro i Nefia sy ny rahalahiny izay efa natsangany tamin' ny maty, izay i Timoty no anarany, ary ny zanany lahy koa izay i Jona no anarany, ary koa i Matônia sy i Matônihà rahalahiny, ary i Komena, ary i Komenônia koa, ary i Jeremià, ary i Semnôna, ary i Jona, ary i Zedekià, ary i Isaià—ankehitryny dia ireo no anaran' ny mpianatra izay efa nofinidin' i Jesoa—ary ny zava-nitranga dia nandroso ireo sy nijoro teo afovoan' ny valalabemandry.

5 Ary indro, maro loatra ny valalabemandry ka nataony izay hizarana azy ho vondrona roa ambin' ny folo.

6 Ary ny roa ambin' ny folo dia nampianatra ny valalabemandry; ary indro, nataony izay handohalehan' ny valalabemandry teo amin' ny lafin-tany, sy hivavahany amin' ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa.

7 Ary ny mpianatra dia nivavaka tamin' ny Ray koa tamin' ny anaran' i Jesoa. Ary ny zava-nitranga dia nitsangana izy ireo ary niahy ny vahoaka.

8 Ary rehefa avy nampianatra ireo teny ireo ihany izay efa notenenin' i Jesoa izy ireo—tsy nanova na inona na inona tamin'

ny teny izay efa notenenin' i Jesoa—dia indro, nandohalika indray izy ireo sy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Jesoa.

9 Ary nivavahany ho an' izay niriany indrindra; ary niriany ny hanomezana ny "Fanahy Masina azy ireo.

10 Ary nony efa nivavaka toy izany izy ireo dia nandeha nidina teo amoron-drano, ary nanaraka azy ireo ny valalabemandry.

11 Ary ny zava-nitranga dia nidina "tao anaty rano i Nefia ary natao batisa.

12 Ary nivoaka avy tao anaty rano izy ary nanomboka nanao batisa. Ary nataony batisa avokoa ireo izay nofinidin' i Jesoa.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa "vita batisa avokoa izy ireo ary efa nivoaka avy tao anaty rano, dia nidina teo aminy ny Fanahy Masina, ary izy ireo dia heniky ny ^bFanahy Masina sy ny afo.

14 Ary indro, "nohodidinina toy ny tamin' ny afo izy ireo; ary nidina avy tany an-danitra izany, ary ny valalabemandry dia vavolombelon' izany sy vavolombelona nanambara izany; ary ny anjely dia nidina avy tany an-danitra sy nanompo azy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nanompo ny mpianatra ny anjely, dia indro, tonga i Jesoa sy nijoro teo afovoany ary nanompo azy ireo.

16 Ary ny zava-nitranga dia

19 9a 3 Ne. 9:20.
11a 3 Ne. 11:23.
13a TSM Batisa.

b 3 Ne. 12:2;
Môrm. 7:10.
TSM Fanomezana ny

Fanahy Masina.
14a Hel. 5:23–24, 43–45;
3 Ne. 17:24.

niteny tamin' ny valalabemandry Izy ary nandidy azy handohalehany indray amin' ny tany ary ny handohalehan' ny mpianany amin' ny tany koa.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa nandohalika tamin' ny tany izy rehetra, dia nandidy ny mpianany Izy ny hivavahany.

18 Ary indro, nanomboka nivavaka izy ireo; ary izy ireo dia nivavaka tamin' i Jesoa, niantso Azy ho Tompony sy Andriamaniny.

19 Ary ny zava-nitranga dia niala avy teo afovoany i Jesoa ary nandeha nihataka kely taminy sy niankohoka tamin' ny tany ny tenany, ary nanao hoe:

20 Ray ô, misaotra Anao Aho fa efa nomenao ireto izay efa nofinidiko ireto ny Fanahy Masina; ary noho ny finoany Ahy no efa nifidianako azy ireo teo anivon' izao tontolo izao.

21 Ray ô, mangataka Anao Aho mba hanomezanao ny Fanahy Masina ho an' ireo rehetra izay hino ny teniny.

22 Ray ô, efa nomenao azy ireo ny Fanahy Masina, satria mino Ahy izy ireo; ary hitanao fa mino Ahy izy ireo, satria mandre azy ireo lanao, ary mivavaka Amiko izy ireo; ary mivavaka Amiko izy ireo, satria miaraka aminy Aho.

23 Ary ankehitriny Ray ô, mangataka Aminao Aho ho azy ireo ary ho an' ireo rehetra izay hino ny teniny koa mba hinoan'

ireny Ahy, mba hahatonga Ahy ao aminy, "tahaka Anao Ray ato Amiko, mba hahatonga antsika ho ^biray.

24 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nivavaka tamin' ny Ray toy izany i Jesoa, dia nankeo amin' ny mpianany Izy, ary indro, ireo dia mbola nanohy, tsy nitsahatra ny nivavaka Taminy; ary tsy "nohamaroiny firy ny teny, satria efa nomena azy ireo izay tokony ^bholazainy, ary feno faniriana izy ireo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nitahy azy ireo i Jesoa raha nivavaka Taminy izy ireo; ary ny tarehiny dia nitsiky taminy, ary ny fahazavan' ny "tarehiny dia namiratra taminy, ary indro, izy ireo dia ^bfotsy toy ny tarehy ary koa ny fitafian' i Jesoa; ary indro ny hafotsiany dia manaoatra ny hafotsiana rehetra, eny, tsy mety hisy na inona na inona eto an-tany fotsy toy ny hafotsiany.

26 Ary hoy i Jesoa taminy: Tohizo ny vavaka; kanefa tsy nitsahatra ny nivavaka izy ireo.

27 Ary nihodina niala azy ireo indray Izy ary nandeha nihataka kely sy niankohoka tamin' ny tany ny tenany; ary nivavaka indray tamin' ny Ray Izy, nanao hoe:

28 Ray ô, misaotra Anao Aho, fa efa "nodiovinao ireo izay efa nofinidiko noho ny finoany, ary mivavaka ho azy ireo Aho ary koa ho an' ireo izay hino ny teniny mba ho azo diovina ao

23a 3 Ne. 9:15.

^b Jao. 17:21–23.

TSM Firaisan-kina.

24a Mat. 6:7.

^b F&F 46:30.

25a Nom. 6:23–27.

^b TSM Fiovan-tarehy—
Olona niova tarehy.

28a Môrô. 7:48;

F&F 50:28–29;

88:74–75.

TSM Madio.

Amiko ireny, amin' ny finoana ny teniny, dia tahaka azy ireo voadio ato Amiko.

29 Ray ô, tsy mivavaka ho an' izao tontolo izao Aho, fa ho an' ireo izay efa nomenao Ah y kosa "avy tamin' izao tontolo izao, noho ny finoany, mba ho azo dioaina ato Amiko ireo mba ho ao aminy Aho, tahaka Anao Ray ato Amiko mba ho iray ihany isika, mba hankalazana Ah y ao aminy.

30 Ary rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa dia nankeo amin' ny mpianany indray; ary indro ireo dia naharitra niva- vaka tsy nitsahatra Taminy; ary nitsiky taminy indray Izy; ary indro "fotsy izy ireo, tahaka an' i Jesoa.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nihataka kely indray Izy sy nivavaka tamin' ny Ray;

32 Ary ny lela dia tsy afaka milaza ny teny izay nivavahany, sady tsy hain' ny olona "sorata- na ny teny izay nivavahany.

33 Ary ny valalabemandry dia nandre sy vavolombelona ma- nambara; ary nisokatra ny fony ary dia nahatakatra tao am-pony ny teny izay nivavahany izy.

34 Kanefa, lehibe sy mahata- lanjona loatra ny teny izay ni- vavahany ka tsy hay soratana, sady tsy hain' ny olona "lazaina koa.

35 Ary ny zava-nitranga, rehe- fa avy namarana ny fivavany i Jesoa, dia nankeo amin' ny

mpianatra indray Izy ary nanao taminy hoe: Tsy mbola nahita "finoana lehibe toy izany Aho teo anivon' ny Jiosy rehetra; noho izany dia tsy afaka naneho fahagagana lehibe tokoa Aho, noho ny ^btsy finoany.

36 Lazaiko aminareo marina tokoa, tsy nisy taminy izay nahi- ta zavatra lehibe tokoa toy izay efa hitanareo; tsy nandre koa zavatra lehibe tokoa toy izay efa renareo izy.

TOKO 20

Namatsy mofa sy divay tamin' ny fahagagana i Jesoa ary nitsodrano sy nizara ny Fanasan' ny Tompo ho an' ny vahoaka — Ho tonga amin' ny fahalalana ny Tompo Andria- maniny ny sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba ary handova an' i Amerika — Jesoa no ilay mpami- nany nitovy tamin' i Mosesy, ary zanaky ny mpaminany ny Nefita — Ny hafa amin' ny vahoakan' ny Tompo dia hangonina ao Jerosale- ma. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nan- didy ny valalabemandry sy ny mpianany koa Izy ny hampitsa- harany ny vavaka. Ary Izy dia nandidy azy ireo ny tsy hitsa- harany "mivavaka ao am-pony.

2 Ary nodidiany ny hitsanga- nany sy ny hijoroany amin' ny tongony. Dia nitsangana izy ireo ary nijoro tamin' ny tongony.

3 Ary ny zava-nitranga dia

29a Jao. 17:6.
30a Mat. 17:2.
32a F&F 76:116.
34a 2 Kor. 12:4;

3 Ne. 17:17.
35a TSM Finoana.
b Mat. 13:58.
TSM Tsy Finoana.

20 1a 2 Ne. 32:9;
Môsîà 24:12.

namaky ny mofo indray Izy ary nitso-drano izany sy nanome ny mpianatra mba hihinana.

4 Ary rehefa avy nihinana izy ireo, dia nodidiany ny hamakian' ny mofo sy ny hanomezany ny valalabemandry.

5 Ary rehefa avy nanome ny valalabemandry izy ireo, dia nomeny azy ireo koa ny divay hosotroina, ary nodidiany izy ireo mba hanomezany ny valalabemandry.

6 Ankehitriny dia tsy nisy “mofo na divay nentin’ ny mpianatra na ny valalabemandry;

7 Fa Izy kosa no “nanome azy ireo marina tokoa mofo hohani-na sy divay koa hosotroina.

8 Ary hoy Izy taminy: Izay “mihinana ity mofo ity dia mihinana amin’ ny vatako ho an’ ny fanahiny; ary izay misotro amin’ ity divay ity dia misotro amin’ ny rako ho an’ ny fanahiny; ary tsy ho noana na hangetaheta na oviana na oviana ny fanahiny, fa hovokisana kosa.

9 Ankehitriny, rehefa avy nihinana sy nisotro avokoa ny valalabemandry, dia indro, heniky ny Fanahy izy ireo; ary nihiaka tamin’ ny feo tokana izy ireo ary nanome voninahitra an’ i Jesoa izay sady hitany no reny.

10 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nanome voninahitra an’ i Jesoa avokoa izy ireo, dia hoy

Izy taminy: Indro, ankehitriny dia faranako ny didy izay efa nandidian’ ny Ray Ahy momba ity vahoaka ity izay sisa tavela amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

11 Tsaroanareo fa niteny taminareo Aho ary nilaza fa rehefa ho tanteraka ny “tenin’ i ^bIsaia—indro voasoratra izy ireny, manana azy ireny eo anoloanareo ianareo, koa hadihadio izy ireny—

12 Ary lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa rehefa ho tanteraka izy ireny, dia izany no fahatanterahan’ ny “fane-kempihavanana izay efa nataon’ ny Ray tamin’ ity vahoaka ity, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

13 Ary amin’ izany ny “sisa tavela izay ^bhaely patrana eran’ ny lafin-tany dia “hanganonina avy any atsinanana sy avy any andrefana, ary avy any atsimo sy avy any avaratra; ary izy ireo dia hoentina ho amin’ ny “fahalalana ny Tompo Andriamaniny izay efa nanavotra azy ireo.

14 Ary efa nandidy Ahy ny Ray hanomezako anareo ity “tany ity ho lovanareo.

15 Ary lazaiko aminareo, fa raha tsy “mibebaka ny Jentilisa aorian’ ny fitahiana izay horaisiny, rehefa avy nampihahaka ny vahoakako izy ireo—

16 Amin’ izany ianareo izay sisa tavela amin’ ny mpianaka-

6a Mat. 14:19–21.

7a Jao. 6:9–14.

8a Jao. 6:50–58;

3 Ne. 18:7.

TSM Fanasan’ ny Tompo.

11a 3 Ne. 16:17–20; 23:1–3.

b 2 Ne. 25:1–5;

Môrm. 8:23.

12a 3 Ne. 15:7–8.

13a 3 Ne. 16:11–12; 21:2–7.

b TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

d TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny Isiraely.

e 3 Ne. 16:4–5.

14a TSM Tany Nampanantenaina.

15a 3 Ne. 16:10–14.

vin' i Jakoba dia handeha eo anivony; ary ianareo dia ho eo afovoan' izy ireo izay ho maro; ary ianareo dia ho eo anivony toy ny liona eo anivon' ny biby an' ala sy tahaka ny "liona tanora eo anivon' ny andian' ondry, izay raha mandeha mamakivaky izy dia ^bmanosihosy sy mamiravira, ary tsy misy afa-mamonjy.

17 Ny tananao dia haingaina amin' ny rafilahinao, ary hojinaina avokoa ny fahavalonao.

18 Ary Izaho "hanangona ny oloko toy ny lehilahy manangona ny amboarany eo am-pamoloana.

19 Fa hataoko anao ry oloko izay efa nanaovan' ny Ray fanekempihavanana, eny, hataoko vy ny "tandrokao ary hataoko varahina ny kitronao. Ary hano-rotoro firenena maro ianao; ary hohamasiniko ho an' ny Tompo ny haren'ny, ary ho an' ny Tompon' ny tany manontolo ny fananany. Ary indro Izaho no Izy izay manao izany.

20 Ary ny zavatra hitranga, hoy ny Ray, dia hihantona eo amboniny ny "sabatry ny fahamarinana amin' izany andro izany; ary raha tsy mibebaka izy dia hianjera eo amboniny izany, hoy ny Ray, eny, dia ho eo ambonin' ny firenena rehetra amin' ny Jentilisa.

21 Ary ny zavatra hitranga dia haoriko ny "oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely.

22 Ary indro, ity vahoaka ity dia haoriko eo amin' ity tany ity ho fanatanterahana ny "fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' i Jakoba rainareo; ary ho ^bJerosalema Vaovao izany. Ary ny herin' ny lanitra dia ho eo afovoan' ity vahoaka ity; eny, "Izaho dia ho eo afovoanareo.

23 Indro, Izaho no Izy izay noresahin' i Mosesy hoe: "Mpaminany iray no hatsangan' ny Tompo Andriamanitrareo ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy; izy no hohenoinareo amin' ny zavatra rehetra, na inona na inona holazainy anareo. Ary ny zavatra hitranga dia ny olona rehetra tsy te hihaino izany mpaminany izany dia hoesorina tsy ho eo anivon' ny vahoaka.

24 Lazaiko aminareo marina tokoa, eny, ary ny "mpaminany rehetra hatramin' i Samoela sy ireo izay manaraka atỳ aoriana, izay rehetra efa niteny, dia efa nanambara ny Amiko.

25 Ary indro, zanaky ny mpaminany ianareo; ary avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary avy amin' ny "fanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny razanareo, tamin' ny

16a Môrm. 5:24;
F&F 19:27.
b Mika 5:8–9;
3 Ne. 16:14–15; 21:12.
18a Mika 4:12.
19a Mika 4:13.
20a 3 Ne. 29:4.
21a 3 Ne. 16:8–15.
22a Gen. 49:22–26;

F&F 57:2–3.
b Isa. 2:2–5;
3 Ne. 21:23–24;
Etera 13:1–12;
F&F 84:2–4.
tsm Jerosalema
Vaovao.
d Isa. 59:20–21;
Mal. 3:1;

3 Ne. 24:1.
23a Deot. 18:15–19;
Asa 3:22–23;
1 Ne. 22:20–21.
24a Asa 3:24–26;
1 Ne. 10:5;
Jakôba 7:11.
25a tsm Fanekempihavanan' i Abrahama.

filazana tamin' i Abrahama hoe: Ary ^bamin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny tany.

26 Ny Ray, rehefa avy nanangana Ahy ho anareo aloha, sy naniraka Ahy hitahy anareo amin' ny “fampihodinana ny tsirairay avy aminareo hiala amin' ny helony; ary izany dia noho ianareo zanaky ny fane-kempihavanana —

27 Ary rehefa notahiana toy izany ianareo, dia tanterahin' ny Ray ny fanekempihavanana izay nataony tamin' i Abrahama, manao hoe: “Amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny tany—amin' ny fandatsahana ny Fanahy Masina amin' ny alalako amin' ny Jentilisa, dia fitahiana amin' ny ^bJentilisa izay hahatonga azy ho mahery noho ny rehetra, ka mampihahaka ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely.

28 Ary hanjary “antambo ho an' ny vahoakan' ity tany ity izy. Na dia eo aza izany, rehefa handray ny fahafenoan' ny filazantsarako izy, amin' izany raha manamafy ny fony amiko izy, dia haveriko eo ambony lohany ihany ny helony, hoy ny Ray.

29 Ary “hotsarovako ny fane-kempihavanana izay efa nataoko tamin' ny vahoakako; ary efa nifanaiky taminy Aho fa ^bhan-

goniko miaraka izy amin' ny fotoana heveriko ho mahamety izany, ka homeko azy indray ny “tanin' ireo razany ho lovary, dia ny tanin' i “Jerusalem, izay tany nampanantenaina azy mandrakizay, hoy ny Ray.

30 Ary ny zavatra hitranga dia tonga ny fotoana, rehefa hotoriana aminy ny fahafenoan' ny filazantsara;

31 Ary “hino Ahy izy, fa Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra ary hivavaka amin' ny Ray amin' ny Anarako izy.

32 Amin' izany ny “mpitiliny dia hanandratra ny feony, ary amin' ny fampiaraham-peo no hihirany; fa hahita mifanatri-maso ireo.

33 Amin' izany ny Ray dia hanangona azy miaraka indray sy hanome azy an' i Jerosalema ho tany lovary.

34 Amin' izany izy dia hame-lona hoby—Miaraha “mihira, ianareo toerana rava ao Jerosalema; fa ny Ray efa nampionona ny vahoakany, efa nanavotra an' i Jerosalema Izy.

35 Ny Ray efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason' ny firenena rehetra; ary ny faran' ny tany rehetra dia hahita ny famonjen' ny Ray; ary ny Ray sy Izaho dia iray.

36 Ary amin' izany dia hotanterahina izay voasoratra hoe:

25b Gen. 12:1–3; 22:18.

26a Ohab. 16:6.

27a Gal. 3:8;

2 Ne. 29:14;

Abr. 2:9.

b 3 Ne. 16:6–7.

28a 3 Ne. 16:8–9.

29a Isa. 44:21;

3 Ne. 16:11–12.

b TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

d Amo. 9:14–15.

e TSM Jerosalema.

31a 3 Ne. 5:21–26;

21:26–29.

32a Isa. 52:8;

3 Ne. 16:18–20.

TSM Mpiambina.

34a Isa. 52:9.

“Mifohaza, mifohaza indray, ary tafio ny herinao, Ry Ziona ô; tafio ny fitafianao tsara tarehy, Ry Jerosalema tanàna masina ô, fa tsy hiditra ao aminao intsony hatramin’ izao ny tsy voafora sy ny tsy madio.

37 Ahintsano ny vovoka hiala amin’ ny tenanao; mitsangana, mipetraha, Ry Jerosalema ô; vahao ny fatorana hiala amin’ ny tendanao, Ry zanakavavin’ i Ziona babo.

38 Fa izao no lazain’ ny Tompo: Efa nivarotra ny tenanareo tamin’ ny tsinontsinona ianareo, ary havotana tsy amimbola ianareo.

39 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa hahafantatra ny anarako ny oloko; eny, amin’ izany andro izany dia hahafantatra izy fa Izaho no Izy izay miteny.

40 Amin’ izany izy dia hilaza hoe: “Akory ny hatsaran’ ny tongotr’ iry erỳ an-tendrombohitra, izay mitondra vaovao mahafaly ho azy, izay ^bmitory fiadanana; izay mitondra teny soa mahafaly ho azy, izay mitory famonjena; izay manao amin’ i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamani-trao!

41 Ary amin’ izany dia ho re ny antso hoe: “Mialà ianareo, mialà ianareo, mandehana ianareo miala eto, aza mikasika izay ^btsy madio; mandehana ianareo miala avy eo afovoany; aoka ^ahadio

ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo.

42 Fa ianareo “tsy hivoaka amim-pirotorotoana, na handeha handositra; fa ny Tompo no handeha eo alohanareo, ary ny Andriamanitr’ i Isiraely no ho vodilaharanareo.

43 Indro, ny mpanompoko no hisahana amim-pahamalinana tokoa; hasandratra izy ary hakarina sy ho tena avo.

44 Toy ny nigagan’ ny maro taminao—ny tarehiny dia simba tokoa, mihoatra noho ny an’ ny olona, ary ny bikany, mihoatra noho ny an’ ny zanak’ olona—

45 Dia toy izany no “hamafazany ny firenena maro; ny mpanjaka hikombom-bava aminy, fa izay tsy nolazaina taminy no ho hitany; ary izay tsy reny no hosaintsaininy.

46 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ho tonga tokoa ireo zavatra rehetra ireo, dia toy ny efa nandidian’ ny Ray Ahy. Amin’ izany ity fanekem-pihavanana izay efa nifaneken’ ny Ray tamin’ ny olony ity dia ho tanteraka; ary amin’ izany i “Jerosalema dia honenan’ ny oloko indray, ary ho tonga tany lovany izany.

TOKO 21

Hanganina i Isiraely rehefa mivoa-

36a Isa. 52:1–3;
F&F 113:7–10.
TSM Ziona.

40a Isa. 52:7; Naho. 1:15;
Môsià 15:13–18;

F&F 128:19.
b Mar. 13:10;
1 Ne. 13:37.

41a Isa. 52:11–15.
b TSM Madio sy Tsy

Madio.
d F&F 133:5.
42a 3 Ne. 21:29.
45a Isa. 52:15.
46a Etera 13:5, 11.

ka ny Bokin' i Môrmôna — Haorina ho toy ny firenena afaka any Amerika ny Jentilisa — Hovonjena izy raha mino sy mankatô; raha tsy izany dia hojinaina sy hofongorana — Hanorina an' i Jerosalema Vao-vao i Isiraely, ary hiverina ireo foko very. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY lazaiko aminareo marina tokoa, omeko famantarana iray ianareo mba hahafantaranao ny "fotoana rehefa madiva hitranga ireo zavatra ireo — fa Izaho dia hanangona ny oloko avy amin' ny fielezany ela, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary haoriko indray eo anivony i Zionako;

2 Ary indro, izao no zavatra izay homeko anareo ho famantarana — fa lazaiko aminareo marina tokoa fa rehefa ny zavatra izay ambarako anareo sy izay hambaran' ny tenako anareo any aoriana, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina izay homen' ny Ray anareo, no hampahafantarana ny Jentilisa mba hahafantarany ny momba ity vahoaka ity izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Jakoba sy ny momba ity oloko ity izay haeliny;

3 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, rehefa hampahafantarin' ny Ray azy "ireo zavatra ireo, ary havoakan' ny Ray avy aminy ho anareo;

4 Fa fahendrena tao amin' ny Ray ny hampiorenanana azy eo amin' ity tany ity sy ny hame-trahana azy ho toy ny "vahoaka afaka, amin' ny alalan' ny herin' ny Ray, mba hahazoan' ireo zavatra ireo mivoaka avy aminy mankamin' ny sisa tavela amin' ny taranakareo mba ho azo tanterahina ny ^bfanekepiahavan' ny Ray izay efa nifanekeny tamin' ny olony, Ry mpianakavin' i Isiraely;

5 Koa, rehefa ireto asa ireto sy ny asa izay hotontosaina eo anivonareo rahatrizay, no hivoaka "avy amin' ny Jentilisa, hankamin' ny ^btaranakareo izay hihemotra ao amin' ny tsy finoana noho ny heloka;

6 Fa toy izany no mahamety amin' ny Ray ny hivoahany avy amin' ny "Jentilisa, mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny Jentilisa, ka ny antony, raha tsy manamafy ny fony ny Jentilisa, dia ny hahazoany mibebaka ary manatona Ahy sy atao batisa amin' ny Anarako ary mahalala ny lafiny marina amin' ny fotopampianarako, mba hahazoana mandray azy ho ^bisan' ny vahoakako, Ry mpianakavin' i Isiraely;

7 Ary rehefa ho tonga ireo zavatra ireo, ka ny "taranakao hanomboka hahafantatra ireo zavatra ireo — izany dia ho famantarana ho azy mba hah-

21 1a TSM Andro Farany.

3a Etera 4:17;

JS—T 1:34–36.

4a 1 Ne. 13:17–19;

F&F 101:77–80.

b Môrm. 5:20.

TSM Fanekepiahava-

nan' i Abrahama.

5a 3 Ne. 26:8.

b 2 Ne. 30:4–5;

Môrm. 5:15;

F&F 3:18–19.

6a 1 Ne. 10:14;

Jakôba 5:54;

3 Ne. 16:4–7.

b Gal. 3:7, 29;

3 Ne. 16:13;

Abr. 2:9–11.

7a 3 Ne. 5:21–26.

fantarany fa ny asan' ny Ray dia efa nanomboka sahadry ho fanatanterahana ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny vahoaka izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

8 Ary rehefa ho tonga izany andro izany, ny zavatra hitranga dia hanakombona ny vavany ireo mpanjaka; fa izay tsy nola-zaina taminy no ho hitany; ary izay tsy reny no hosaintsaininy.

9 Fa amin' izany andro izany, noho ny Amiko dia hanao asa iray ny Ray, izay ho asa lehibe sy "mahatalanjona eo anivony; ary hisy eo anivony ireo izay tsy hino izany, na dia hanambara izany aminy aza ny lehilahy iray.

10 Nefa indro, ny ain' ny mpampoko dia ho eo an-tanako; koa, tsy horatrainy izy, na dia ho "simbana aza ny tarehiny noho izy ireo. Kanefa hanasitrana azy Aho, satria hasehoko azy fa ny "fahendreko dia lehibe noho ny hafetsen' ny devoly.

11 Koa ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no tsy hino ny teniko, Izaho izay Jesoa Kristy, izay ny Ray no hanao izay hitondrany "izany any amin' ny Jentilisa ary hanome azy fahefana mba hitondrany izany any amin' ny Jentilisa, (izany dia ho to tahaka ny nolazain' i Mosesy) dia "hoesorina izy tsy ho eo anivon' ny oloko izay avy amin' ny fanekempihavanana.

12 Ary ny oloko izay sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba dia ho eo anivon' ny Jentilisa, eny, eo anivony, toy ny "liona eo anivon' ny bibidia any an' ala, tahaka ny liona tanora eo anivon' ny andian' ondry, izay raha mandeha mamakivaky izy dia sady "manosihosy no mamiravira, ary tsy misy afa-mamonjy.

13 Ny tànany dia haingaina amin' ny rafilahiny, ary hojin-jaina avokoa ny fahavalony.

14 Eny, lozan' ny Jentilisa raha tsy "mibebaka izy; fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, hoy ny Ray, dia hoesoriko hiala eo afovoanao ny soavali-nao, ary horavako ny kalesinao;

15 Ary horavako ny tanànan' ny taninao, ary harodako avokoa ny toeram-pamaharanao;

16 Ary hoesoriko amin' ny taninao ny famorehana, ary tsy hanana mpimasy intsony ianao;

17 Ny sarinao "voasokitra dia hoesoriko koa mbamin' ny sary vongana eo afovoanao, ary tsy hivavaka intsony amin' ny asan' ny tananao ianao;

18 Ary hongotako hiala eo afovoanao ny alanao; ka horavako ny tanànananao.

19 Ary ny zavatra hitranga dia hatsahatra avokoa ny "lainga sy ny fitaka ary ny fialonana, ary ny ady antsanga sy ny komiberaky ny mpisorona, ary ny fiangangangana.

9a Isa. 29:13;
Asa 13:41;
1 Ne. 22:8.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny
Filazantsara.
10a F&F 135:1–3.

b F&F 10:43.
11a 2 Ne. 3:6–15;
Môrm. 8:16, 25.
b F&F 1:14.
12a Mika 5:8–15;
3 Ne. 20:16.
b 3 Ne. 16:13–15.

14a 2 Ne. 10:18; 33:9.
17a Eks. 20:3–4;
Môsià 13:12–13;
F&F 1:16.
TSM Fanompoan-
tsampy.
19a 3 Ne. 30:2.

20 Fa ny zavatra hitranga, amin' izany andro izany, hoy ny Ray, dia na zovy na zovy no tsy hibe-baka sy tsy hanatona ny Zanakoa Malala, dia izy no ho-
soriko hiala eo anivon' ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely;

21 Ary Izaho hampihatra vali-faty sy fahasiahana aminy, toy ny amin' ny olon' izao tontolo izao, tahaka izay tsy mbola reny.

22 Nefa raha mibebaka sy mi-haino ny teniko izy, ary tsy ma-namafy ny fony, dia "haoriko eo anivony ny fiangonako, ary hiditra ao amin' ny fanekem-pi-havanana izy ary horaisina ho
"isan' ity sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba ity, izay efa nomeko ity tany ity ho lovany;

23 Ary izy dia hanampy ny oloko, ny sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba, ary koa izay rehetra avy amin' ny mpiana-kavin' i Isiraely ka ho tonga mba hahazoany manorina ta-nàna iray izay hantsoina hoe, "Jerosalema Vaovao.

24 Ary amin' izany izy dia hanampy ny oloko izay miely patrana eran' ny lafin-tany mba hahazoana manangona azy ao Jerosalema Vaovao.

25 Ary amin' izany dia hidina eo anivony ny "herin' ny lanitra; ary "Izaho koa dia ho eo afovoany.

26 Ary amin' izany ny asan' ny Ray dia hanomboka amin'

izay andro izay, rehefa hotoria-na eo anivon' ny sisa tavela amin' ity vahoaka ity ity fila-zantsara ity. Lazaiko aminareo marina tokoa, amin' izay andro izay no "hanombohan' ny asan' ny Ray eo anivon' ny niely pa-trana rehetra tamin' ny oloko, eny, na dia ny foko izay efa
"very aza, izay efa nentin' ny Ray niala an' i Jerosalema.

27 Eny, hanomboka ny asa eo anivon' ny "niely patrana re-he-tra tamin' ny oloko miaraka amin' ny Ray mba hanomana ny lalana izay hahazoany mankaty Amiko, mba hahazoany miantso ny Ray amin' ny Anarako.

28 Eny, ary amin' izany dia ha-nomboka ny asa miaraka amin' ny Ray eo anivon' ny firenena rehetra amin' ny fanomanana ny lalana izay hahazoana "ma-nangona ny olony hody any amin' ny tany lovany.

29 Ary hivoaka avy amin' ny firenena rehetra izy ireo; ary tsy hivoaka "amim-pirotorotoana, na handeha handositra, fa Izaho no handeha eo alohany, hoy ny Ray, ary Izaho no ho vodi-laharany.

TOKO 22

Amin' ny andro farany dia haorina i Ziona sy ny tsatòkany, ary hango-nina amin' ny famindram-po sy ny

22a TSM Fotoampitanta-nana.

b 2 Ne. 10:18–19;
3 Ne. 16:13.

23a 3 Ne. 20:22;

Etera 13:1–12.

TSM Jerosalema

Vaovao.

25a 1 Ne. 13:37.

b Isa. 2:2–4; 3 Ne. 24:1.

26a 1 Ne. 14:17;

3 Ne. 21:6–7.

b TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'

ny Isiraely.

27a 3 Ne. 16:4–5.

28a TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

29a Isa. 52:12;

3 Ne. 20:42.

fahalemem-panahy i Isiraely — Handresy izy ireo. Ampitahao amin' Isaia 54. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY amin' izany dia hitranga izay voasoratra: Mihirà, ry momba, ianao izay tsy nitondra vohoka; velomy ny "hira, ary miantsoa mafy, ianao izay tsy nihetsi-jaza; fa maro kokoa ny zanak' ilay momba noho ny zanak' ilay vehivavy manambady, hoy ny Tompo.

2 Halalaho ny toeran' ny lainao, ary avelao ireo hamelatra ny lamba fonenanao; aza mitsitsy, halavao ny tadinao ary hamafiso ny "tsatòkanao;

3 Fa hiitatra any an-kavanana sy any an-kavia ianao, ary ny taranakao no handova ny "Jentilisa sy hahatonga ny tanàna aolo hisy mponina.

4 Aza matahotra, fa tsy ho menatra ianao; sady tsy hampangaihaizina koa, fa tsy "halaina baraka ianao; fa hohadinoinao ny henatry ny fahatanoranao, ary tsy hotsaroanao ny faniniana tamin' ny fahatanoranao, ary tsy hotsaroanao intsony ny faniniana tamin' ny maha-mpitondratena anao.

5 Fa ny Mpanao anao no vadi-nao, ny Tompon' ny Maro no anarany; ary ny Mpanavotra anao, ny Iray Masin' ny Isiraely — ny Andriamanitry ny tany manontolo no hiantsoina azy.

6 Fa ny Tompo efa niantso anao toy ny vehivavy efa nafoy sy ory am-panahy ary vadin' ny fahatanorana, fony ianao nisao-rana, hoy ny Andriamanitrao.

7 Fa fotoana fohy no efa nahafoziko anao, fa amin' ny famindram-po lehibe kosa no hampodiako anao.

8 Tamin' ny fahatezerana kely Aho dia nanafina ny tavako taminao nandritra ny fotoana fohy, fa amin' ny hatsaram-po maharitra mandrakizay kosa no "hamindrako fo aminao, hoy ny Tompo Mpanavotra anao.

9 Fa Amiko "izao dia tahaka ny "ranon' i Noa, fa toy ny efa nianianako fa tsy hanafotra ny tany intsony ny ranon' i Noa no efa nianianako fa tsy ho tezitra aminao Aho.

10 Fa hiainga ny "tendrombohitra, ary hafindra ny havoana, fa "tsy hiala aminao kosa ny hatsaram-poko, tsy hoesorina koa ny fanekempihavanan' ny fiadanako, hoy ny Tompo izay mamindra fo aminao.

11 Ianao ry ory, afotofoton' ny tafio-drivotra sy tsy ampiononona! Indro, Izaho dia handatsaka ny "vatonao amin' ny loko marevaka, sy handatsaka ny fanorenanao amin' ny safira.

12 Ary hataoko agaty ny varavarankelinao, ary karbonkolo ny vavahadinao, ary vatsoa ny sisintaninao rehetra.

13 Ary hampianarin' ny Tompo

22 1a TSM Mihira.

2a TSM Tsatòka.

3a TSM Jentilisa.

4a 2 Ne. 6:7, 13.

8a TSM Famindram-po.

9a Isa. 54:9.

b TSM Safo-drano

tamin' ny Andron'

i Noa.

10a Isa. 40:4.

b Sal. 94:14;

F&F 35:25.

11a Fan. 21:18–21.

“avokoa ny zanakao; ary ho lehibe ny fiadanan’ ny zanakao.

14 Amin’ ny “fahamarinana no hampiorenanana anao; ho lavitry ny fampahoriana ianao, ka tsy hatahotra, ary ho lavitry ny fampihorohoroana ka tsy hanakaiky anao izany.

15 Indro, hiray hina marina tokoa ireo hanohitra anao, nefa tsy avy Amiko izany; na zovy na zovy no hiray hina hanohitra anao dia hianjera noho ny aminao.

16 Indro, Izaho efa nahary ny mpanefy izay mitsoka ny arina ao amin’ ny afo, izay manamboatra fitaovana ho an’ ny asany; ary Izaho efa nahary ny mpandringana mba handringana.

17 Tsy misy fiadiana izay amboarina hamelezana anao ka hiroborobo; ary ny lela rehetra izay hiampanga anao amin’ ny fitsarana dia hoheloinao. Izany no lovan’ ny mpanompon’ ny Tompo, ary ny fahamarinany dia avy amiko, hoy ny Tompo.

TOKO 23

Nankatò ny tenin’ i Isaia i Jesoa — Nodidiany ny olona hanadihady ny mpaminany — Nampiana tamin’ ny rakitsoratr’ izy ireo ny tenin’ i Samoela ilay Lamanita momba ny Fitsanganana amin’ ny maty. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro, lazaiko aminareo fa tokony “hanadihady ireo zavatra ireo ianareo.

Eny, didy no omeko anareo hanadihadianareo ireo zavatra ireo amin’ ny fahazotoana tokoa; fa lehibe ny tenin’ i ^bIsaia.

2 Fa noteneniny marina tokoa ny mikasika ny zavatra rehetra momba ny oloko izay isan’ ny mpianakavin’ i Isiraely; koa tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy itenenany koa amin’ ny Jentilisa.

3 Ary ny zavatra rehetra izay noteneniny dia efa nisy sy “mbola hisy, araka ny teny izay noteneniny.

4 Koa mampantria sofina amin’ ny teniko; soraty ny zavatra izay efa nolazaiko anareo; ary araka ny fotoana sy ny sitrapon’ ny Ray dia ho tonga any amin’ ny Jentilisa ireny.

5 Ary na zovy na zovy no mihaino ny teniko sy mibebaka ary atao batisa, dia izy no hovonjena. Hadihadio ny “mpaminany, fa nisy maro no efa nanambara ny amin’ ireo zavatra ireo.

6 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia niteny taminy indray, taorian’ ny efa namelabelarany taminy ny soratra masina rehetra izay efa noraisin’ izy ireo, dia hoy Izy taminy: Indro, mba tiako ny hanoratanareo ny soratra masina hafa, izay tsy anananareo.

7 Ary ny zava-nitranga dia hoy Izy tamin’ i Nefia: Ento atỳ ny rakitsoratra izay efa notananao.

8 Ary nony efa nentin’ i Nefia ny rakitsoratra sy napetrany teo

13a Jer. 31:33–34.

14a TSM Fahamarinana.

23 1a TSM Soratra Masina.

b 2 Ne. 25:1–5;

Môrm. 8:23.

TSM Isaia.

3a 3 Ne. 20:11–12.

5a Lio. 24:25–27.

anoloany, dia nanopy ny masony tany aminy Izy ary nanao hoe:

9 Lazaiko aminareo marina tokoa, nandidy an' i "Samoela, ilay Lamanita mpanompoko Aho, hanambarany amin' ity vahoaka ity, fa amin' ny andro izay hankalazan' ny Ray ny anarany ao Amiko dia hisy ^bolomasina ^dmaro izay ^ehitsangana amin' ny maty sy hiseho amin' ny maro ary hanompo azy. Ary hoy Izy taminy: Moa tsy izay va no nisy?

10 Ary namaly Azy ny mpiana-ny ary nanao hoe: Eny Tompo-ko, i Samoela dia naminany araka ny teninao, ary tanteraka avokoa ireny.

11 Ary hoy i Jesoa taminy: Ahoana no tsy nanoratanareo izany zavatra izany, fa oloma-sina maro no nitsangana sy niseho tamin' ny maro ary nanompo azy?

12 Ary ny zava-nitranga dia nahatsiaro i Nefia fa tsy nosor-
ratana izany zavatra izany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandidy i Jesoa fa tokony hosor-
ratana izany; koa nosoratana izany araka ny nandidiany.

14 Ary ankehitriny ny zava-nitranga rehefa avy "novelabe-
larin' i Jesoa ho iray ny soratra masina rehetra, izay efa nosor-
ratan' izy ireo, dia nodidiany izy ireo mba hampianarany ny zavatra izay efa novelabelarin'ny taminy.

TOKO 24

Hanomana ny lalana ho amin' ny Fiaviana Fanindroany ny iraky ny Tompo—Hipetraka eo amin' ny fitsarana i Kristy—Nodidina Isiraely handoa ny fahafolonkarena sy ny fanatitra—Notanana ny bokin' ny fahatsiarovana—Ampitahao amin' i Malakia 3. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nodi-
diany izy ireo mba hanoratany
ny teny izay efa nomen' ny Ray
an' i Malakia, izay holazainy
azy ireo. Ary ny zava-nitranga
taorian' ny efa nanoratana
izany dia novelabelarin'ny izany.
Ary izao no teny izay nolazai-
ny taminy, manao hoe: Izao no
lazain' ny Ray an' i Malakia—
Indro, handefa ny "irako Aho,
ary hanomana ny lalana eo
alohako izy, ary ny Tompo izay
tadiavinareo dia ho avy tampo-
ka ao amin' ny tempoliny, dia
ny iraky ny fanekempihavana-
na, izay mahafinaritra anareo;
indro, ho avy izy, hoy ny
Tompon' ny Maro.

2 Nefa iza no "hahatanty ny
andro hihaviany, ary iza no
ho tafajanona rehefa miseho
Izy? Fa Izy dia tahaka ny
^bafon' ny mpandrendrika sy
tahaka ny savonin' ny mpana-
sa lamba.

3 Ary hipetraka toy ny mpan-
drendrika sy ny mpanadio

9a Hel. 13:2.

b TSM Olomasina.

d Hel. 14:25.

e Mat. 27:52–53.

TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

14a Lio. 24:44–46.

24 1a F&F 45:9.

2a 3 Ne. 25:1.

b Zak. 13:9; F&F 128:24.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany;

Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

volafotsy izy; ary hodiovin'ny ny "zanakalahin' i Levy, ary hodiovin'ny toy ny volamena sy ny volafotsy izy ireo mba hahazoan' izy ireo ^bmanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an' ny Tompo.

4 Amin' izany dia hahafinaritra ny Tompo ny fanatitr' i Joda sy i Jerosalema, toy ny tamin' ny andro fahiny sy toy ny tamin' ny taona fahizay.

5 Ary hanatona anareo ho fitsarana Aho; ary ho vavolombelona faingana Aho hiampanga ny mpamosavy sy hiampanga ny mpijangajanga ary hiampanga ny mpianian-tsy to, ary hiampanga ireo izay mampahory ny mpikarama amin' ny karamany, ny mpitondratena ary ny "kamboty ray, ary izay manilika ny vahiny, ary tsy matahotra Ahy, hoy ny Tompon' ny Maro.

6 Fa Izaho no Tompo, tsy miova Aho; noho izany ianareo zanak' i Jakoba dia tsy levona.

7 Na dia hatramin' ny andron' ny razanareo aza dia efa "nihataka amin' ny ôrdônansiko ianareo ary tsy nitandrina izany. ^bMiverena Amiko dia hiverina aminareo Aho, hoy ny Tompon' ny Maro. Nefa hoy ianareo: Ahoana no hiverenanay?

8 Handroba an' Andriamanitra va ny olona? Kanefa efa nandroba Ahy ianareo. Nefa hoy ianareo: Tamin' inona no efa nandrobanay Anao? Tamin'

ny "fahafolonkarena sy ny ^bfanatitra.

9 Voaozona amin' ny ozona ianareo, fa efa nandroba Ahy, dia ity firenena iray manontolo ity.

10 Entonareo avokoa ny "fahafolonkarena ho ao amin' ny trano fitehirizako mba hisy hanina ao an-tranoko; ary izahao toetra amin' izany Aho, hoy ny Tompon' ny Maro, raha tsy hovohako ho anareo ny varavarana' ny lanitra sy harotsako aminareo ny ^bfitahiana izay tsy hisy ny toerana ampy handraisana izany.

11 Holevileveko ny mpibosibosika noho ny aminareo, ary tsy hanimba ny vokatry ny taninareo izy; sady tsy hanary ny voany mialohan' ny fotoana ny voalobokareo eny an-tsaha, hoy ny Tompon' ny maro.

12 Ary hantsoin' ny firenena rehetra hoe sambatra ianareo, fa ho tany mahafinaritra ianareo, hoy ny Tompon' ny Maro.

13 Ny teninareo dia nahery tamiko, hoy ny Tompo. Kanefa hoy ianareo: Inona no efa noteneninay nanoherana Anao?

14 Hoy ianareo hoe: Zavapoana ny manompo an' Andriamanitra, ary inona no soa efa azo tamin' ny nitandreman-tsika ny ôrdônansiny sy ny efa nandehanantsika nijoretra teo anoloan' ny Tompon' ny Maro?

15 Ary ankehitriny dia miantso ny mpirehareha hoe sambatra isika; eny, ireo izay manao ny

3a Deot. 10:8;
F&F 84:31-34.
b F&F 13:1.
5a Jakoba 1:27.

7a TSM Apôstazia.
b Hel. 13:11;
3 Ne. 10:6;
Môrô. 9:22.

8a TSM Fahafolonkarena.
b TSM Fanatitra.
10a F&F 64:23; 119:1-7.
b TSM Fitahiana.

ratsy dia voaorina; eny, na dia izay naka fanahy an' Andriamanitra aza dia afaka.

16 Tamin' izany ireo izay natahotra ny Tompo dia samy "nifampiresaka matetika, ary ny Tompo nihaino ka nandre; ary ny ^bbokin' ny fahatsiarovana dia nosoratana teo anoloany ho an' ireo izay natahotra ny Tompo sy izay nihevitra ny anarany.

17 Ary ho Ahy ireny, hoy ny Tompon' ny Maro, amin' ny andro izay "hanangonako ny vatosoako; ary hitsimbina ireny Aho toy ny olona mitsimbina ny zanany lahy ihany izay manompo azy.

18 Amin' izany ianareo dia hiverina ary "hanavaka ny olomarina amin' ny olon-dratsy, izay manompo an' Andriamanitra amin' izay tsy manompo Azy.

TOKO 25

Hodorana toy ny vodivary ny mpiavonavona sy ny olon-dratsy amin' ny Fiaviany Fanindroany—Hiverina i Elija mialohan' izany andro lehibe sy mahatahotra izany—Ampitahao amin' i Malakia 3:19–24—Tokony ho 34 taorian' i J.K.

FA indro, avy ny andro izay

"handoro toy ny fatana; ary ny ^bmpiavonavona rehetra, eny, sy izay rehetra manao ratsy dia ho toy ny vodivary; ary ny andro izay ho avy dia handoro azy ireo, hoy ny Tompon' ny Maro, ka tsy hamela ho azy ireo na faka na sampana izany.

2 Fa aminareo kosa izay matahotra ny anarako no hitsanganan' ny "Zanaky ny Fahamarinana miaraka amin' ny fanasitranana ao amin' ny elany; ary hivoaka sy ^bhitombo ianareo toy ny "zanak' omby ao am-pahitra.

3 Ary "hanosihosy ireo olon-dratsy ianareo; fa ho lavenona eo ambanin' ny faladianareo izy ireo amin' ny andro izay hanaovako izany, hoy ny Tompon' ny Maro.

4 Tsarovinareo ny lalàn' i Mosesy, mpanompoko, izay nandidiako azy tao "Hôreba, ho an' i Isiraely manontolo, miaraka amin' ny sata sy ny fitsarana.

5 Indro, Izaho haniraka an' i "Elia mpaminany mialohan' ny hahatongavan' ny ^bandro lehibe sy mahatahotra an' ny Tompo;

6 Ary Izy "hampitodika ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka amin' ny ray, fandrao ho avy Aho ka hamely ny tany amin' ny ozona.

16a Môrô. 6:5.

b F&F 85:9;

Mos. 6:5.

tsm Bokimpahatsiarovana.

17a F&F 101:3.

18a tsm Mamantatra,

Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-

25 1a Isa. 24:6; 1 Ne. 22:15;

3 Ne. 24:2;

F&F 29:9; 64:23–24;

133:64;

JS—T 1:37.

tsm Tany—

Fandiovana ny tany.

b 2 Ne. 20:33.

tsm Fiavonavonana.

2a Etera 9:22.

b F&F 45:58.

d Amo. 6:4;

1 Ne. 22:24.

3a 3 Ne. 21:12.

4a Eks. 3:1–6.

5a 2 Mpan. 2:1–2;

F&F 2:1; 110:13–16;

128:17–18.

tsm Elia; Famonjena

ho an' ny Maty;

Famehezana.

b tsm Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

6a F&F 2:2.

TOKO 26

Namelabelatra ny zavatra rehetra hatrany am-piandohana ka hatrany am-piafarana i Jesoa — Nilaza zavatra mahatalanjona izay tsy hay soratana ny zaza sy ny ankizy — Niombonan' ireo tao amin' ny fiangonan' i Kristy avokoa ny zavatra izay nananany teo anivony. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany zavatra izany i Jesoa, dia namelabelatra izany tamin' ny valalabemandry Izy; ary namelabelatra ny zavatra rehetra taminy Izy, na lehibe na kely izany.

2 Ary hoy Izy: "Ireo soratra masina ireo izay tsy nananana-reo niaraka taminareo dia nodidian' ny Ray ny hanomezako izany anareo; fa fahendrena tao Aminy ny hanomezana izany ho an' ny taranaka ho avy.

3 Ary novelabelariny ny zavatra rehetra, hatrany am-piandohana ka hatramin' ny fotoana izay hahatongavany ao amin' ny "voninahiny—eny, dia ny zavatra rehetra izay ho tonga eto ambonin' ny tany, ambara-piempon' ireo ^bsinga amin' ny hafanana mahamamy, ary ny tany dia "hahorona tahaka ny

horonan-taratasy, ary ho levona ny lanitra sy ny tany;

4 Ary na dia hatramin' ny "andro lehibe sady farany aza, rehefa ^bhijoro eo anoloan' Andriamanitra ny vahoaka rehetra, sy ny foko rehetra, ary ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra, mba hotsaraina amin' ny asany, na tsara izany na ratsy—

5 Raha tsara izany, dia "fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fiainana maharitra mandrakizay; ary raha ratsy izany, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fanamelohana; satria miara-mizotra izy roroa, ny iray amin' ny andaniny, ary ny iray amin' ny ankilany, araka ny famindram-po sy ny ^bfahamarinana ary ny fahamasinana izay ao amin' i Kristy, izay nisy "talohan' ny niandohan' izao tontolo izao.

6 Ary ankehitriny dia tsy hay soratana ao amin' ity boky ity na dia ny "ampahazatony aza tamin' ny zavatra izay nampianarin' i Jesoa marina tokoa ny vahoaka;

7 Nefa indro ny "takelak' i Nefia dia mirakitra ny ampahany be indrindra amin' ny zavatra izay nampianariny ny vahoaka.

8 Ary ireo zavatra izay efa nosoratako ireo dia ny ampahany

26 2a IE Mal. Toko 3 sy 4, tanterina ao amin' ny 3 Ne. toko 24 sy 25.
3a TSM Jesoa Kristy—
Voninahitr' i Jesoa Kristy.
b Amo. 9:13;
2 Pet. 3:10, 12;
Môrm. 9:2.
TSM Tany—

Fandiovana ny tany;
Izao Tontolo Izao—
Faran' ny tany.
d Môrm. 5:23.
4a Hel. 12:25;
3 Ne. 28:31.
b Môsià 16:10–11.
TSM Fitsarana
Farany, Ny.
5a Dan. 12:2; Jao. 5:29.

b TSM Fahamarinana.
d Etera 3:14.
TSM Jesoa Kristy—
Fisian' i Kristy
talohan' ny
nahatongavany
teto an-tany.
6a Jao. 21:25;
3 Ne. 5:8.
7a TSM Takelaka.

kely indrindra tamin' ny zavatra izay nampianariny ny vahoaka; ary efa nosoratako izany ka ny fikasana dia ny hahazoana mitondra izany indray "avy any amin' ny Jentilisa mankany amin' ity vahoaka ity, araka ny teny izay efa nolazain' i Jesoa.

9 Ary rehefa handray izany izy, izay ilaina ny hananany izany aloha mba hizahana ny finoany, ary raha toa ka mino izany zavatra izany izy, dia haseho azy amin' izay ny "zavatra lehibebe kokoa.

10 Ary raha toa ka tsy mino izany zavatra izany izy, dia "holavina aminy amin' izay ny zavatra lehibe kokoa, ho fanamelohana azy.

11 Indro, efa saika hanoratra izany aho, dia izay rehetra nosokirina teo amin' ny takelak' i Nefia, nefa nandrara izany ny Tompo, nanao hoe: "Hozahako ny finoan' ny oloko.

12 Noho izany, izaho Môrmôna dia manoratra ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo ahy. Ary ankehitriny, izaho Môrmôna dia mamarana ny fitenenako sy miroso amin' ny fanoratana ny zavatra izay efa nandidiana ahy.

13 Koa mba tiako ny hahitana-reo fa nampianatra marina tokoa ny vahoaka ny Tompo, nandritra ny telo andro; taorian' izany Izy dia "naneho ny tenany matetika taminy sy namaky ma-

tetika ny ^bmofo ary nitso-drano izany sy nanome izany azy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampianariny sy notompoiny ny "zanaky ny valalabemandry izay efa voaresaka, ary ^bnovahany ny lelany, ary izy ireo dia niteny tamin-drainy zavatra lehibe sy mahatalanjona, lehibe kokoa noho izay nambarany tamin' ny vahoaka aza; ary novahany ny lelany ka dia afaka nanambara izy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa niakatra any an-danitra Izy—rehefa naneho ny tenany fanindroany taminy sy efa nandeha tany amin' ny Ray, rehefa avy "nanasitrana ny marariny sy ny maleminy, ary nampahira-tra ny mason' ny jamba teo aminy sy nampalady ny sofin' ny marenina, ary efa nanao ny karazana fanasitranana rehetra teo anivony aza sy efa nanangana olona iray tamin' ny maty, ary efa naneho ny heriny taminy sy efa niakatra nankany amin' ny Ray—

16 Indro, ny zava-nitranga ny ampitso dia niara-nivory ny valalabemandry, ary sady nahita izy no nandre ireo ankizy ireo; eny, na dia ny "zaza aza dia nanokatra ny vavany sy nanambara zavatra mahatalanjona; ary ny zavatra izay nambarany dia norarana ny hisian' olona hanoratra izany.

17 Ary ny zava-nitranga,

8a 3 Ne. 21:5–6.
9a Etera 4:4–10.
10a Almà 12:9–11.
11a Etera 12:6.
13a Jao. 21:14.

b 3 Ne. 20:3–9.
tsm Fanasan' ny
Tompo.
14a 3 Ne. 17:11–12.
b Almà 32:23;

3 Ne. 26:16.
15a 3 Ne. 17:9.
tsm Manasitrana;
Fahagagana.
16a Mat. 11:25.

hatramin' izay fotoana izay, ny "mpianatra izay efa nofinidin' i Jesoa dia nanomboka ^bnanao batisa sy nampianatra izay rehetra tonga teo aminy; ary izay rehetra natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa dia heniky ny Fanahy Masina.

18 Ary maro taminy no nahita sy nandre zavatra tsy hay tene-nina, izay "tsy azo soratana.

19 Ary nampianatra ireo, ka nifanompo izy samy izy; ary "niombonany avokoa ny ^bzavatra izay nananany teo anivony, ny olona tsirairay dia nifampitondra tamim-pahamarinana teo amin' izy samy izy.

20 Ary ny zava-nitranga dia nataony ny zava-drehetra toy izay efa nandidian' i Jesoa azy.

21 Ary ireo izay natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa dia nantsoina hoe ny "fiangonan' i Kristy.

TOKO 27

Nodidin' i Jesoa izy hiantso ny fiangonana amin' ny Anarany—Ny asa nanirahana Azy sy ny sorompanavotany no iorenan' ny filazantsarany—Nodidina ny olona hibe-baka sy hatao batisa mba hahazoana manamasina azy amin' ny Fanahy Masina—Tokony ho toa an' i Jesoa izy. Tokony ho 34–35 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, raha nandeha ny mpianatr' i Jesoa ary nitory ny zavatra izay sady efa hitany no reny ary nanao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa, ny zava-nitranga dia niara-tafavory ny mpianatra ary "tafaray tamin' ny vavaka mahery ary ny ^bfifadian-kanina.

2 Ary "naneho ny tenany taminy indray i Jesoa, satria nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny Anarany izy; dia tonga i Jesoa ary nijoro teo afovoany sy nanao taminy hoe: Inona no tianareo homeko anareo?

3 Ary hoy ireo Taminy: Tompo ô, mba tianay ny hilazanao aminay ny anarana izay hiantsoanay ity fiangonana ity; fa misy fifanjihirana eo anivon' ny vahoaka momba izany zavatra izany.

4 Ary hoy ny Tompo taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, nahoana ny vahoaka no mimonomonona sy mifanjihitra noho izany zavatra izany?

5 Tsy efa novakiany va ny soratra masina, izay milaza fa ianareo dia tsy maintsy mitondra eo aminareo ny "anaran' i Kristy, dia ny anarako? Fa amin' izany anarana izany no hiantsoana anareo amin' ny andro farany;

6 Ary na zovy na zovy no mitondra eo aminy ny anarako sy

17a 3 Ne. 19:4–13.

b 4 Ne. 1:1.

18a 3 Ne. 26:11.

19a TSM Manokana.

b 4 Ne. 1:3.

21a Môsià 18:17.

TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

27 1a F&F 29:6.

b Almà 6:6.

TSM Fifadian-kanina.

2a 3 Ne. 26:13.

TSM Jesoa Kristy—

Fisehoan' i Kristy

taorian' ny

fitsanganany

tamin' ny maty.

5a TSM Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran'

i Jesoa Kristy.

“maharitra hatramin’ ny farany dia izy no hovanjena amin’ ny andro farany.

7 Koa, na inona na inona hataonareo, dia hataonareo amin’ ny anarako izany; koa, hantsoinareo amin’ ny anarako ny fiangonana; ary hantsoinareo amin’ ny anarako ny Ray mba hitahiany ny fiangonana noho ny Amiko.

8 Ary ahoana no maha-“fiangonako azy raha tsy antsoina amin’ ny anarako izy? Fa raha antsoina amin’ ny anaran’ i Mosesy ny fiangonana iray, dia fiangonan’ i Mosesy izy amin’ izany; na raha antsoina amin’ ny anaran’ ny olona iray izy, dia fiangonan’ io olona io izy amin’ izany; fa raha antsoina amin’ ny anarako kosa izy, dia fiangonako izy amin’ izany, raha toa izy ireo ka miorina amin’ ny filazantsarako.

9 Lazaiko aminareo marina tokoa, fa miorina amin’ ny filazantsarako ianareo; koa na inona na inona zavatra hantsoinareo, dia hantsoinareo amin’ ny anarako; koa raha miantso ny Ray ho an’ ny fiangonana ianareo, raha toa ka amin’ ny anarako izany dia hihaino anareo ny Ray;

10 Ary raha toa ka miorina amin’ ny filazantsarako ny fiangonana, dia amin’ izay ny Ray no haneho ny asany ao aminy.

11 Nefa raha tsy miorina amin’

ny filazantsarako izy, ary miorina kosa amin’ ny asan’ ny olona, na amin’ ny asan’ ny devoly, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa manam-pifaliana amin’ ny asany izy ireo mandritra ny vanim-potoana iray, ary tsy ho ela dia tonga ny farany, ary “kapaina izy ireo ary atsipy any anaty afo izay tsy misy fivere-nana avy any.

12 Fa ny asany dia “manaraka azy ireo, fa kapaina izy ireo noho ny asany; koa tsarovy ny zavatra izay efa noteneniko anareo.

13 Indro efa nomeko anareo ny “filazantsarako, ary izao no filazantsara izay efa nomeko anareo—fa tonga teo amin’ izao tontolo izao Aho mba hanao ny ^bsitrapon’ ny Raiko, satria ny Raiko no naniraka Ahy.

14 Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana “manandratra Ahy eo amin’ ny hazofijaliana; ary taorian’ ny efa nanandratan’ Ahy teo amin’ ny hazofijaliana, dia ny mba hahazoako ^bmisintona ny olon-drehetra atỳ Amiko, ka toy ny efa nanandratant’ ny olona Ahy, dia toy izany koa no hanandratant’ ny Ray ny olona hijoro eo anoloako mba ^dhotsaraina amin’ ny asany, na tsara izany na ratsy—

15 Ary noho izany antony iza-ny no efa “nanandratana Ahy; koa, araka ny fahefan’ ny Ray, dia hosintoniko ny olon-drehe-

6a 3 Ne. 15:9.
8a F&F 115:4.
TSM Jesoa Kristy—
Lohan’ ny
Fiangonana.
11a Almà 5:52.

12a Fan. 14:13; F&F 59:2.
13a F&F 76:40–42.
TSM Filazantsara.
b Jao. 6:38–39.
14a 1 Ne. 11:32–33;
Mos. 7:55.

b Jao. 6:44; 2 Ne. 9:5;
F&F 27:18.
d TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.
15a TSM Sorompanavotana.

tra hankatỳ Amiko mba ho azo tsaraina araka ny asany izy ireo.

16 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no “mibebaka sy ^batao batisa amin’ ny anarako dia ho henika; ary raha “maharitra hatramin’ ny farany izy, dia indro, izy no hotanako tsisy tsi-ny eo anoloan’ ny Raiko amin’ io andro io rehefa hitsangana Aho hitsara izao tontolo izao.

17 Ary izay tsy maharitra hatramin’ ny farany, dia izy no hokapaina sy hatsipy any anaty afo, izay tsy hahafahany miverina intsony avy any, noho ny “fahamarinan’ ny Ray.

18 Ary izany no teny izay efa nomeny ho an’ ny zanak’ olombelona. Ary noho izany antony izany dia manatanteraka ny teny izay efa nomeny Izy, ary tsy mandainga Izy, fa manatanteraka kosa ny teniny rehetra.

19 Ary “tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin’ ny fanjakana; koa tsy misy na inona na inona miditra ao amin’ ny ^bfitsaharany afa-tsy ireo izay efa “nanasa ny fitafiany tamin’ ny rany, noho ny finoany sy ny fibebahana tamin’ ny fahotany rehetra ary ny fahatokiany hatramin’ ny farany.

20 Ankehitriny dia izao no didy: “Mibebaha, ianareo rehe- tra faran’ ny tany, ary manka-

nesa atỳ Amiko ary aoka ^bhatao batisa amin’ ny anarako mba hahazoana “manamasina anareo amin’ ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoanareo mijoro “tsisy pentina eo anoloako amin’ ny andro farany.

21 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no filazantsarako; ary fantatrareo ny zavatra izay tsy maintsy atao- nareo ao amin’ ny fiangonako; fa ny asa izay efa hitanareo nataoko no hataonareo koa; fa izay efa hitanareo nataoko dia izany no hataonareo;

22 Koa hotahiana ianareo raha manao ireo zavatra ireo, fa hasandratra ianareo amin’ ny andro farany.

23 Soraty ny zavatra izay efa hitanareo sy renareo, afa-tsy ireo izay “voarara.

24 Soraty ny asan’ ity vahoaka ity, izay hisy, tahaka ny efa nanoratana ny amin’ izay efa nisy.

25 Fa indro, avy amin’ ny boky izay efa nosoratana sy izay hosoratana no “hitsarana ity vahoaka ity, fa amin’ ny alalan’ ireny no hahafantaran’ ny olona ny ^basany.

26 Ary indro, ny zavatra rehe- tra dia “soran’ ny Ray; koa avy amin’ ny boky izay hosoratana no hitsarana izao tontolo izao.

27 Ary fantaro fa “ianareo no

16a TSM Fibebahana.

b TSM Batisa.

d 1 Ne. 13:37.

TSM Maharitra.

17a TSM Fahamarinana.

19a Almà 11:37.

b F&F 84:24.

TSM Fitsaharana.

d Fan. 1:5; 7:14;

Almà 5:21, 27;

13:11–13.

20a Etera 4:18.

b TSM Batisa—Tsy

maintsy atao.

d TSM Fanamasinana.

e F&F 4:2.

23a 3 Ne. 26:16.

25a 2 Ne. 33:10–15;

TiM 1:11.

b 1 Ne. 15:32–33.

26a 3 Ne. 24:16.

TSM Bokin’ ny

Fiainana.

27a 1 Ne. 12:9–10;

Môrm. 3:19.

ho mpitsaran' ity vahoaka ity, araka ny fitsarana izay homeko anareo, izay ho marina. Koa, tokony ho ^bkarazana olona toa inona moa ianareo? Lazai-ko aminareo marina tokoa, ho ^atoa Ahy.

28 Ary ankehitriny Aho dia “mandeha any amin’ ny Ray. Ary lazaiko aminareo marina tokoa, na inona na inona zavatra hangatahinareo ny Ray amin’ ny anarako dia homena anareo.

29 Koa, “mangataka dia handray ianareo; dondòny dia hovohana ianareo; fa izay mangataka no mahazo; ary izay mandondona no hovohana.

30 Ary ankehitriny, indro, lehibe ny fifaliako, hatrany amin’ ny fahafenoana aza, noho ny aminareo sy ity taranaka ity koa; eny, ary na dia ny Ray aza dia mifaly, ary ny anjely masina rehetra koa, noho ny aminareo sy ity taranaka ity; fa “tsy misy very aminy.

31 Indro, mba tiako ho takatra-reo; fa ny tiako holazaina dia ireo izay velona “ankehitriny amin’ ^bity taranaka ity; ary tsy misy very aminy; ary ao aminy no ananako ny fahafenoan’ ny ^afifaliana.

32 Nefa indro, onena Aho noho ny amin’ ny “taranaka fahefatra aorian’ ity taranaka ity, satriaentina ho babo izy ireo, dia tahaka ny nanjo ny zanaky ny

fahaverezana; fa izy ireo dia hivarotra Ahy noho ny volafotsy sy noho ny volamena, ary noho izay ^bsimban’ ny kalalao sy izay azon’ ny mpangalatra tamina sy angalarina. Ary amin’ izany andro izany Aho dia hamangy azy ireo, amin’ ny famaliana ny asany eo ambony lohany ihany.

33 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo filazan’ ireo i Jesoa, dia hoy Izy tamin’ ny mpianany: Midira amin’ ny “vavahady ety ianareo; fa ety ny vavahady, ary tery ny lalana izay mitondra mankany amin’ ny fiainana, ary misy vitsy izay mahita izany; fa midanadana kosa ny vavahady, ary migodana ny lalana izay mitondra mankany amin’ ny fahafatesana, ary misy maro izay mandeha mankany, ambara-pahatongan’ ny alina izay tsy ahafahan’ ny olona miasa.

TOKO 28

Ny sivy tamin’ ny Roambinifolalahy dia naniry ary nampanantenaina ny fandovana ny fanjakan’ i Kristy rehefa maty—Ny Nefita telo kosa dia naniry ary nomena ny fahefana amin’ ny fahafatesana mba hitoetra eto an-tany ambara-pahatongan’ i Jesoa indray—Tafafindra izy ireo ary mahita zavatra izay tsy azo ambara, ary ankehi-

27b TSM Jesoa Kristy—Ny ohatra nasehon’ i Jesoa Kristy.
d Mat. 5:48; 3 Ne. 12:48.
28a Jao. 20:17.
29a Mat. 7:7; 3 Ne. 14:7.

30a Jao. 17:12.
31a 3 Ne. 9:11–13; 10:12.
b 3 Ne. 28:23.
d TSM Fifaliana.
32a 2 Ne. 26:9–10;
Almà 45:10, 12.

b Mat. 6:19–21;
3 Ne. 13:19–21.
33a Mat. 7:13–14;
3 Ne. 14:13–14;
F&F 22:1–4.

triny izy ireo dia manao asa fanompoana eo anivon' ny olona. Tokony ho 34-35 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia niteny tamin' ny mpianany tsirairay Izy, nanao taminy hoe: Inona no irinareo Amiko, rehefa lasa any amin' ny Ray Aho?

2 Ary izy rehetra, afa-tsy ny telo, dia niteny nanao hoe: Irinay, rehefa avy niaina hatreo amin' ny taonan' ny olona iza-hay, mba hanam-piafarana ny asa fanompoanay izay efa niantsoanao anay, hahazoanay mankany Aminao, any amin' ny fanjakana, faingana tokoa.

3 Ary hoy Izy taminy: Hotahina ianareo noho ny nanirinareo izany zavatra izany Tamiko; koa, rehefa feno roa amby fitopolo taona ianareo dia hankany Amiko any amin' ny fanjakako; ka hahita "fitsaharana miaraka Amiko.

4 Ary rehefa avy niteny taminy Izy, dia nitodika tany amin' ny anankitelo ny tenany, ary nanao taminy hoe: Inona no tianareo hataoko aminareo, rehefa lasa any amin' ny Ray Aho?

5 Ary nalahelo tao am-pony izy ireo, satria tsy sahiny notenenina Taminy ny zavatra izay niriany.

6 Ary hoy Izy taminy: Indro, "fantatro ny eritreritrareo, ary efa nirinareo ny zavatra izay

nirin' i ^bJaona Tamiko, ilay malalako izay niaraka Tamiko tao amin' ny asa fanompoako, talohan' ny nanandratan' ny Jiosy Ahy.

7 Noho izany dia hotahiana koa ianareo, fa "tsy hanandrana ^bfahafatesana na oviana na oviana ianareo; fa ho velona kosa ka hahita ny rehetra ataon' ny Ray amin' ny zanak' olombelona, na dia ambara-pahatanteraky ny zavatra rehetra aza araka ny sitrapon' ny Ray, rehefa ho avy amin' ny voninahitro Aho miaraka amin' ny "herin' ny lanitra.

8 Ary tsy hiaritra ny fanaintainan' ny fahafatesana na oviana na oviana ianareo; fa rehefa ho tonga kosa any amin' ny voninahitro Aho, dia hovana ao amin' ny indray mipi-maso ianareo avy amin' ny "mety maty hankamin' ny ^btsy fahafatesana; ary amin' izany dia hotahiana ianareo ao amin' ny fanjakan' ny Raiko.

9 Ary koa, tsy hanana fanaintainana ianareo raha mbola mitotra ao amin' ny nofo, sady tsy halahelo koa raha tsy noho ny fahotan' izao tontolo izao ihany; ary izany rehetra izany no hataoko dia noho ny zavatra izay efa nirinareo tamiko, fa efa nirinareo ny hahazoanareo "mitondra ny fanahin' ny olona hankatỳ Amiko, raha mbola mijoro izao tontolo izao.

28 3a TSM Fitsaharana.

6a Amo. 4:13;

Almà 18:32.

b Jao. 21:21-23;

F&F 7:1-4.

7a 4 Ne. 1:14;

Môrm. 8:10-11;

Etera 12:17.

b TSM Olona Novana.

d 3 Ne. 20:22.

8a 3 Ne. 28:36-40.

TSM Mety Maty.

b TSM Tsy Fahafatesana.

9a Filip. 1:23-24;

F&F 7:5-6.

10 Ary noho izany antony izany dia hanana ny “fahafenoan’ ny fifaliana ianareo; ary hipe-traka ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko ianareo; eny, ho feno ny fifalianareo, tahaka ny efa nanomezan’ ny Ray Ahy ny fahafenoan’ ny fifaliana; ary ho tahaka Ahy ianareo, ary Izaho dia tahaka ny Ray; ary ny Ray sy Izaho dia ^biray;

11 Ary ny “Fanahy Masina dia vavolombelona manambara Ahy sy ny Ray; ary manome ny Fanahy Masina ho an’ ny zanak’ olombelona ny Ray, noho ny Amiko.

12 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nilaza izany teny izany i Jesoa, dia nikasika tamin’ ny rantsan-tanany ny tsirairay avy taminy, afa-tsy ny telo izay tokony hitoetra, ary avy eo Izy dia lasana.

13 Ary indro, nisokatra ny lanitra, ary “nakarina tany andanitra izy ireo, ary nahita sy nandre zavatra tsy hay tenenina.

14 Ary “norarana izy ireo tsy hanambarany; sady tsy nomena azy ireo koa ny fahefana hahafahany manambara ny zavatra izay hitany sy reny;

15 Ary na tao amin’ ny vatana izy ireo na tany ivelan’ ny vatana dia, tsy hainy nolazaina; fa ho azy ireo dia toy ny “fiovany endrika izany, fa novana avy tamin’ ity vatana ara-nofy ity ho amin’ ny toetry ny tsy fahafatesa-

na izy ireo mba hahafahany mahita ny zavatr’ Andriamanitra.

16 Nefa ny zava-nitranga dia nanao indray ny asa fanompoana teto ambonin’ ny tany izy ireo; kanefa izy ireo dia tsy nampianatra ny amin’ ny zavatra izay efa reny sy hitany, noho ny didy izay efa nomena azy ireo tany an-danitra.

17 Ary ankehitriny, na mety maty izy ireo na tsy mety maty hatramin’ ny andro niovary endrika, dia tsy fantatro;

18 Fa izao kosa no hany fantatro, araka ny rakitsoratra izay efa nomena—izy ireo dia nandeha teto ambonin’ ny tany sy nanao ny asa fanompoana tamin’ ny vahoaka manontolo, nanambatra tamin’ ny fiangonana ny olona rehetra izay nino ny fitoriany; nanao batisa azy, ary izay rehetra vita batisa dia nandray ny Fanahy Masina.

19 Ary natsipin’ ireo izay tsy isan’ ny fiangonana tany amponja izy ireo. Ary tsy afaka nitana azy ireo ny “fonja, fa nitresaka roa izany.

20 Ary nalatsaka tao anaty tany izy ireo; nefa namely ny tany tamin’ ny tenin’ Andriamanitra izy ireo, hany ka tamin’ ny “heriny dia nafahana avy tao amin’ ny halalin’ ny tany izy ireo; ary noho izany dia tsy vitany ny nihady lavaka ampy hihazonana azy ireo.

21 Ary in-telo izy ireo no

10a F&F 84:36–38.

^b Jao. 17:20–23.

11a 2 Ne. 31:17–21;

3 Ne. 11:32.

13a 2 Kor. 12:2–4.

14a F&F 76:114–116.

15a Mos. 1:11.

TSM Fiovan-tarehy.

19a Asa 16:26;

Almà 14:26–28.

20a Môrm. 8:24.

natsipy tao anaty "memy ary tsy niharam-boina.

22 Ary indroa izy ireo no natsipy tao "an-davaky ny bibidia; ary indro izy ireo dia nilalao niaraka tamin' ny bibidia toy ny ankizy niaraka tamin' ny zanak' ondry minono, ary tsy niharam-boina.

23 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nandehanany tany anivon' ny vahoakan' i Nefia manontolo, sy nitoriany ny "filazantsaran' i Kristy tamin' ny vahoaka rehetra eran' ny lafin-tany; ary niova fo ho an' ny Tompo ireny, sy tafatambatra tamin' ny fiangonan' i Kristy, ary dia toy izany no nitahiana ny vahoaka tamin' izany ^btaranaka izany, araka ny tenin' i Jesoa.

24 Ary ankehitriny, izaho Môrmôna, dia mamarana ny fitenenako momba ireo zavatra ireo mandritra ny fotoana fohy.

25 Indro, efa saika hanoratra ny "anaran' ireo izay tsy hanandrana fahafatesana na oviana na oviana aho, saingy noraran' ny Tompo; koa tsy manoratra izany aho, fa afenina amin' izao tontolo izao ireo.

26 Nefa indro, efa hitako izy ireo, ary efa notompoiny aho.

27 Ary indro ho any anivon' ny Jentilisa izy ireo, ary tsy hahafantatra azy ireo ny Jentilisa.

28 Ho any anivon' ny Jiosy koa izy ireo, ary tsy hahafantatra azy ireo ny Jiosy.

29 Ary ny zavatra hitranga, rehefa hitan' ny Tompo ao amin' ny fahendreny fa mety, dia hanao asa fanompoana amin' ny "fokon' i Isiraely miely patrana rehetra izy ireo sy amin' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra, ary hitondra fanahy maro avy amin' ireo ho an' i Jesoa mba ho azo tanterahina ny faniriany, ary koa noho ny herin' ny fandresen-dahatr' Andriamanitra izay ao aminy.

30 Ary toy ny "anjelin' Andriamanitra izy ireo, ary raha mivavaka amin' ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa izy ireo, dia afaka maneho ny tenany amin' izay olona heveriny fa tsara hisehoany.

31 Koa lehibe sy mahatalanjona ny asa hataony, mialohan' ny "andro lehibe sy ho avy rehefa tsy maintsy mijoro marina tokoa eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy ny vahoaka rehetra;

32 Eny, na dia any anivon' ny Jentilisa aza dia hisy "asa lehibe sy mahatalanjona hataony, mialohan' ny andro fitsarana.

33 Ary raha anananareo ny soratra masina rehetra izay manome ny fitantarana ny asa mahatalanjona rehetra an' i Kristy, dia hahafantatra ianareo araka ny tenin' i Kristy, fa tsy maintsy ho tonga marina tokoa ireo zavatra ireo.

34 Ary lozan' izay "tsy te hihai-

21a Dan. 3:22-27;

4 Ne. 1:32.

22a Dan. 6:16-23;

4 Ne. 1:33.

23a TSM Filazantsara.

b 3 Ne. 27:30-31.

25a 3 Ne. 19:4.

29a TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely; Isiraely—Ireo foko folo very amin' ny Isiraely.

30a TSM Anjely.

31a Hel. 12:25;

3 Ne. 26:4-5.

32a 2 Ne. 25:17.

34a Etera 4:8-12.

no ny tenin' i Jesoa, ary koa loza avy amin' ^bireo izay efa nofidiany sy nirahiny tany anivony; fa na zovy na zovy no tsy mandray ny tenin' i Jesoa sy ny tenin' ireo izay efa nirahiny dia tsy mandray Azy; ary noho izany dia tsy handray azy Izy amin' ny andro farany;

35 Ary tsara kokoa ho azy raha tsy nateraka izy. Fa moa heverinareo va fa ianareo dia afaka mandositra ny fitsaran' Ilay Andriamanitra tafintohina izay efa "nohosihosena tambanin' ny tongotry ny olona, ka amin' izay dia mety ho tonga ny famonjena?

36 Ary ankehitriny, indro, toy ny noteneniko momba ireo izay efa nofinidin' ny Tompo, eny, dia ny telo izay nakarina tany an-danitra, dia tsy fantatro raha nodiovina avy amin' ny mety maty ho amin' ny tsy fahafatesana izy ireo —

37 Nefa indro, hatramin' ny nanoratako, dia efa nanadina ny Tompo aho, ary efa nataony mazava tamiko izany, fa tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fiovana natao tamin' ny vatany, fa raha tsy izany dia ilaina ny tsy maintsy hanandramany fahafatesana;

38 Noho izany, mba tsy hazoany manandrana fahafatesana dia nisy "fiovana natao tamin' ny vatany, mba tsy hazoany miaritra fanaintainana na alahelo raha tsy noho ny fahotan' izao tontolo izao.

39 Ankehitriny izany fiovana izany dia tsy mitovy amin' izay hitranga amin' ny andro farany; saingy nisy fiovana natao tamin' ny hany ka tsy nety nanana fahefana taminy i Satana, ka izy dia tsy afaka "naka fanahy azy ireo; ary ^bnohamasinina tao amin' ny nofo izy ireo, ka dia ^dmasina, ary tsy afaka nihazona azy ireo ny herin' ny tany.

40 Ary tokony hijanona ao amin' izany toetra izany izy ireo hatramin' ny andro fitsaran' i Kristy; ary amin' izany andro izany izy ireo dia tokony handray fiovana lehibe kokoa sy horaisina ao amin' ny fanjakan' ny Ray, ka tsy hivoaka intsony, fa hiara-honina mandrakizay amin' Andriamanitra any andanitra.

TOKO 29

Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmônà dia famantarana iray fa efa manomboka manangona an' i Isiraely sy manatanteraka ny fanekempihavanany ny Tompo — Ho voaozona ireo izay mitsipaka ny fanambarany sy ny fanomezam-pahasoavany amin' ny andro farany. Tokony ho 34–35 taorian' i j.k.

ARY ankehitriny, indro, lazaiko aminareo fa rehefa ho hitan' ny Tompo ao amin' ny fahendreny fa mety, dia ho "tonga any amin' ny Jentilisa ireto filazana ireto, araka ny teniny, amin' izany dia ho azonareo fantarina fa ny

34b TSM Mpaminany.

35a Hel. 12:2.

38a TSM Olona Novana.

39a TSM Fakam-panahy.

b TSM Fanamasinana.

d TSM Fahamasinana.

29 1a 2 Ne. 30:3–8.

^bfanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny zanak' i Isiraely, momba ny fampodiana azy any amin' ny tany lovary, dia efa manomboka ho tanteraka sahady.

2 Ary ho azonareo fantarina fa ny tenin' ny Tompo, izay efa notenenin' ny mpaminany masina, dia ho tanteraka avokoa; ary tsy mila milaza ianareo fa "mampitaredretra ny fiaviany any amin' ny zanak' i Isiraely ny Tompo.

3 Ary tsy ilainareo ny misaintsaina ao am-ponareo fa ny teny izay efa voalaza dia zava-poana, satria indro, ny Tompo dia hahatsiaro ny fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny olony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

4 Ary rehefa hahita ireo filazana ireo hipoitra eo anivonareo ianareo, dia tsy ilainareo intsony ny mamingavinga ny ataon' ny Tompo amin' izany, fa ny "sabatry ny ^bfitsarany dia eo an-tanany ankavanana; ary indro, amin' izany andro izany raha mamingavinga ny ataony ianareo, dia hataony izay hanatrarany izany anareo tsy ho ela.

5 "Lozan' izay ^bmamingavinga ny ataon' ny Tompo; eny, lozan' izay ^dhandà an' i Kristy sy ny asany!

6 Eny, "lozan' izay handà ny fanambaran' ny Tompo, sy izay

hilaza fa ny Tompo dia tsy miasa intsony amin' ny fanambarana, na amin' ny faminaniana, na amin' ny ^bfanomezam-pahasoavana, na amin' ny fiteny, na amin' ny fanasitranana, na amin' ny herin' ny Fanahy Masina!

7 Eny, ary lozan' izay hilaza amin' izany andro izany, mba hahazoana "tombony, fa ^btsy mety hisy intsony fahagagana hataon' i Jesoa Kristy; satria izay manao izany dia ho tonga tahaka ny ^dzanaky ny fahaverezana, izay tsy nisy famindram-po ho azy, araka ny tenin' i Kristy!

8 Eny, ary tsy ilainareo intsony ny "misioka, na ^bmamingavinga, na manaraby ny "Jiosy, na koa izay sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely; fa indro, ny Tompo dia mahatsiaro ny fanekempihavanany taminy sy hanao aminy araka izay efa nianianany.

9 Koa, tsy ilainareo ny mihevitra fa ianareo dia afaka hanodina ny tanana an-kavanan' ny Tompo hankany an-kavia mba tsy hahazoany mampihatra ny fitsarana ho fanatanterahana ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

TOKO 30

Nodidina ny Jentilisan' ny andro

1b Môrm. 5:14, 20.

2a Lio. 12:45-48.

4a 3 Ne. 20:20.

^b TSM Fahamarinana.

5a 2 Ne. 28:15-16.

^b Môrm. 8:17;

Etera 4:8-10.

^d Mat. 10:32-33.

6a Môrm. 9:7-11, 15.

^b TSM Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy.

7a TSM Komiberaky ny Mpisorona.

^b 2 Ne. 28:4-6;

Môrm. 9:15-26.

^d TSM Zanaky ny Fahaverezana.

8a 1 Ne. 19:14.

^b 2 Ne. 29:4-5.

^d TSM Jiosy.

farany hibe-baka, hanatona an' i Kristy ary horaisina ho isan' ny mpianakavin' i Isiraely. Tokony ho 34–35 taorian' i j.k.

MIHAINOA, ianareo ry Jentilisa, ary henoy ny tenin' i Jesoa Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, izay efa “nandidy ahy ny hiresahako momba anareo, fa, indro mandidy ahy, Izy hanoratako, manao hoe:

2 Mihodina, ianareo “Jentilisa rehetra, hiala amin' ny lalana ratsinareo; ary ^bmibebaha amin' ny fanao ratsinareo, amin' ny fandainganareo sy ny famitahanareo, ary amin' ny fijanga-

janganareo sy amin' ny fahavetavetana miafinareo, ary ny fanompoan-tsampinareo sy amin' ny famonoanareo olona, ary ny komiberaky ny mpisoronareo sy ny fialonanareo ary ny ady antsanganareo, ary hiala amin' ny faharatsianareo sy ny fahavetavetanareo rehetra, ary mankanesa atỳ Amiko, ka aoka hatao batisa amin' ny anarako mba hahazoanareo mandray ny famelana ny fahotanareo, ary hofenoina ny Fanahy Masina ianareo mba hahazoana ^dmanisa anareo miaraka amin' ny oloko izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

NEFIA FAHEFATRA
NY BOKIN' I NEFIA

IZAY ZANAKALAHIN' I NEFIA — ANANKIRAY AMIN' NY MPIANATR' I JESOA KRISTY

Ny tantaran' ny vahoakan' i Nefia, araka ny rakitsorany.

Niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny Nefita sy ny Lamanita — Niarahany nanana ny zava-drehetra, ary nanao fahagagana sy niroborobo teo amin' ny tany izy ireo — Taonjato roa tatỳ aoriana dia nitranga ny fizarazarana, ny ratsy, ny fiangonana sandoka, ary ny fanenjehana — Telonjato taona atỳ aoriana dia nanjary ratsy na ny Nefita na ny Lamanita — Nanafina ny rakitsoratra masina i Amarôna. Tokony ho 35–321 taorian' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahefatra amby telopolo, ary koa ny fahadimy amby telopolo, ary indro efa nanangana ny Fiangonan' i Kristy teo amin' ny tany rehetra manodidina ny mpianatr' i Jesoa. Ary izay rehetra nanatona azy ireo sy nibebaka marina tokoa tamin' ny fahotany dia natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa; ary ireny dia nandray koa ny Fanahy Masina.

30 1a 3 Ne. 5:12–13.
2a TSM Jentilisa.
b TSM Fibebahana.

d Gal. 3:27–29;
2 Ne. 10:18–19;
3 Ne. 16:10–13;

21:22–25;
Abr. 2:10.

2 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby telopolo, dia niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, na Nefita na Lamanita, ary tsy nisy fifandirana na fifanjihirana teo anivony, ary ny olona tsirairay dia nifampitondra araka ny hitsiny tokoa teo amin' izy samy izy.

3 Ary niarahany nanana "avokoa ny zavatra teo anivony; koa tsy nisy na mpanefofo na mahantatra, na mpifatotra na olona afaka, fa efa natao afaka avokoa izy ary mpandray anjara amin' ny fanomezam-pahasoavana avy an-danitra.

4 Ary ny zava-nitranga dia lasana koa ny taona fahafito amby telopolo ary mbola nisy fitohizana ny fandriampahalemana teo amin' ny tany.

5 Ary nisy asa lehibe sy mahatalanjona nataon' ny mpianatr' i Jesoa, fa "nositrany ny marary, ary natsangany ny maty, ary nampandehaniny ny malemy, ary nampahiratiny ny jamba, ary nampaladiany ny marenina; ary nataony teo anivon' ny zanak' olombelona ny karazana^b fahagagana rehetra; ary tsy nisy na inona na inona nanaovany fahagagana raha tsy tamin' ny anaran' i Jesoa.

6 Ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahavalo amby telopolo, ary koa ny fahasivy

amby telopolo sy ny fahiraika amby efapolo ary ny faharoa amby efapolo, eny, ambara-pahalasan' ny sivy amby efapolo taona, ary koa ny fahiraika amby dimampolo sy ny faharoa amby dimampolo; eny, ary ambara-pahalasan' ny sivy amby dimampolo taona.

7 Ary ny Tompo dia nampiroborobo azy izaitsizy tokoa teo amin' ny tany; eny, hany ka nanorenany tanàna indray teo amin' izay nisy tanàna may.

8 Eny, na dia ilay "tanàna lehiben' i Zarahemlà aza dia nataony izay hanarenana izany indray.

9 Saingy nisy tanàna maro izay efa "nilentika, ary rano no niakatra teo amin' ny toerany; noho izany ireny tanàna ireny dia tsy azo nohavaozina.

10 Ary ankehitriny, indro, ny zava-nitranga dia nihanahery ny vahoakan' i Nefia ary nitombo faingana izaitsizy tokoa, ka nanjary vahoaka "meva sy mahafinaritra izaitsizy tokoa izy.

11 Dia naka vady izy ary nampakarina ho vady sy notahiana araka ny hamaroan' ny fampanantenana izay efa nataon' ny Tompo tamin'.

12 Ary tsy nandeha intsony araka ny "fombafomba sy ny satan' ny^b lalàn' i Mosesy izy; fa nandeha kosa araka ny didy izay efa noraisiny avy tamin' ny Tompony sy Andriamaniny,

[4 NEFIA]

1 3a Asa 4:32;

3 Ne. 26:19.

TSM Manokana.

5a TSM Manasitrana.

b Jao. 14:12.

TSM Fahagagana.

8a 3 Ne. 8:8.

9a 3 Ne. 9:4, 7.

10a Mōrm. 9:6.

12a 2 Ne. 25:30;

3 Ne. 15:2-8.

b TSM Lalàn' i

Mosesy.

nitozo tamin' ny ^dfifadian-kani-na sy ny fivavahana, ary tamin' ny fiarahana mivory matetika mba hivavaka sy handre ny tenin' ny Tompo.

13 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka rehetra, teo amin' ny tany manontolo; fa nisy kosa fahagagana lehibe natao teo anivon' ny mpianatr' i Jesoa.

14 Ary ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahiraika amby fitopolo, ary koa ny faharoa amby fitopolo, eny, ary, raha fintinina, ambara-pahalasan' ny taona fahasivy amby fitopolo; eny, dia zato taona no efa lasana, ary ny mpianatr' i Jesoa, izay efa nofinidiny, dia efa lasana avokoa nankany ^aam-paradisan' Andriamanitra, afa-tsy ny ^btelo izay tokony hitoetra; ary nisy ^dmpianatra hafa ^enotendrena ho eo amin' ny toerany; ary maro koa tamin' izany taranaka izany no efa lasana.

15 Ary ny zava-nitranga dia ^atsy nisy fifandirana teo amin' ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao am-pon' ny vahoaka.

16 Ary ^atsy nisy fialonana, na adiady, na tabataba, na fijangajangana, na fandaingana, na vonoan' olona, na izay mety ho fomban' ny ^bfahalotoam-pitondratena; ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy ^dvahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon' ny

vahoaka rehetra izay noharian' ny tanan' Andriamanitra.

17 Tsy nisy mpandroba, na mpamono olona, tsy nisy koa Lamanita, na izay mety ho fombafomban' ny -ita; fa izy kosa dia ^airay, zanak' i Kristy ary mpandovan' ny fanjakan' Andriamanitra.

18 Ary notahiana erỳ izy! Fa ny Tompo dia nitahy azy tamin' izay nataony rehetra; eny, dia notahiana sy nambinina izy mandra-pahalasan' ny folo amby zato taona; ary efa lasana ny taranaka voalohany hatramin' i Kristy, ary tsy nisy fifandirana teo amin' ny tany manontolo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Nefia, ilay nitana ity rakitsoratra farany ity (ary notanany teo amin' ny ^atakelak' i Nefia izany), ary i Amôsa zanany lahy no nitana izany teo amin' ny toerany; ary notanany teo amin' ny takelak' i Nefia koa izany.

20 Ary notanany efatra amby valopolo taona izany, ary mbola nisy fandriampahalemana teo amin' ny tany, raha tsy teo ny ampahany vitsy tamin' ny vahoaka izay efa nikomy tamin' ny fiangonana sy nitondra teo aminy ny anaran' ny Lamanita; koa nanomboka nisy Lamanita indray teo amin' ny tany.

21 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Amôsa (ary izany dia efatra amby sivifolo

12d Môrô. 6:5;

F&F 88:76–77.

14a TSM Paradisa.

b 3 Ne. 28:3–9.

TSM Olona Novana.

d TSM Mpianatra.

e TSM Manokana.

15a TSM Fiadanana.

16a TSM Firaisan-kina.

b TSM Mitsiriritra.

d Môsià 2:41;

Almà 50:23.

TSM Fifaliana.

17a Jao. 17:21.

TSM Ziona.

19a TSM Takelaka.

amby zato taona hatramin' ny niavian' i Kristy) ary i Amôsa zanany lahy no nitana ny rakisoratra teo amin' ny toerany; ary notanany koa teo amin' ny takelak' i Nefia izany; ary nosoratan' koa tao amin' ny bokin' i Nefia izany, dia ity boky ity.

22 Ary ny zava-nitranga dia efa lasana ny roanjato taona; ary efa lasana daholo ny taranaka faharoa afa-tsy vitsivitsy.

23 Ary ankehitriny, izaho Môrmôna, dia mba tiako ny hahafantaranareo fa efa nitombo ny vahoaka, hany ka efa niely teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany izy ary efa tonga mpanefofo izaitsizy tokoa, noho ny firoboroboany ao amin' i Kristy.

24 Ary ankehitriny, tamin' izany taona fahiraika amby roanjato izany, dia nanomboka nisy teo anivony ireo izay tafasondrotra tao amin' ny "fiavonavonana, toy ny fiakanjoana fitafiana lafo vidy sy ny karazana voahangy soa rehetra ary ny zava-tsoan' izao tontolo izao.

25 Ary hatramin' izay fotoana izay dia tsy "niarahany nanana intsony ny haren' sy ny fananany.

26 Ary nanomboka ho nizazazara ara-tsaranga izy; ary nanomboka nanorina "fiangonana ho an' ny tenany izy hahazoana ^btombony ary nanomboka nandà ny tena fiangonan' i Kristy.

27 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny folo amby roanjato taona, dia nisy fiangonana maro teo amin' ny tany; eny, nisy fiangonana maro izay nihambo ho mahalala an' i Kristy, ary "nolaviny anefa ny ampahany betsaka tamin' ny filazantsarany, hany ka nekeny ny karazana faharatsiana rehetra ary nanomezany izay masina ho an' izay efa ^bnandrarana izany noho ny tsy fahamendrehana.

28 Ary izany "fiangonana izany dia nitombo izaitsizy tokoa noho ny heloka sy noho ny herin' i Satana, izay nahazo vahana tao amin' ny fony.

29 Ary koa, nisy fiangonana iray hafa izay nandà an' i Kristy; ary "nenjehiny ny tena fiangonan' i Kristy, noho ny fanetren-tenany sy ny finoany an' i Kristy; ary nohamavoiny izany noho ny fahagagana maro izay efa natao teo anivony.

30 Koa nampiharany hery sy fahefana ny mpianatr' i Jesoa izay niara-nitoetra taminy, ary natsipiny tao "am-ponja izy ireo; nefa tamin' ny herin' ny tenin' Andriamanitra izay tao aminy dia nitresaka roa ny fonja, ary nivoaka avy tao izy ireo nanao fahagagana lehibe teo anivony.

31 Kanefa, ary na dia teo aza ireo fahagagana rehetra ireo, dia nanamafy ny fony ny vahoaka, ary nikatsaka ny hamono azy ireo, dia tahaka ny Jiosy tao

24a TSM Fiavonavonana.

25a 4 Ne. 1:3.

26a 1 Ne. 22:23;

2 Ne. 28:3;

Môrm. 8:32–38.

b F&F 10:56.

TSM Komiberaky ny
Mpisorona.

27a TSM Apôstazia.

b 3 Ne. 18:28–29.

28a TSM Devoly—Ny
fiangonan' ny
devoly.

29a TSM Fanenjehana.

30a 3 Ne. 28:19–20.

Jerosalema izay nikatsaka ny hamono an' i Jesoa araka ny teniny.

32 Ary natsipiny tao amin' ny "memy ^bmirehitra izy ireo, ary nivoaka avy tao izy ireo tsy niharam-boina.

33 Ary natsipiny koa tao "andavaky ny bibidia izy ireo, ary izy ireo dia niara-nilalao tamin' ny bibidia, toy ny ankizy niara-nilalao tamin' ny zanak' ondry; ary nivoaka avy teo anivony izy ireo, tsy niharam-boina.

34 Na dia teo aza izany, dia nanamafy ny fony ny vahoaka, satria notarihan' ny mpisorona maro sy ny mpaminany sandoka izy hanorina fiangonana maro sy hanao ny karazana heloka rehetra. Ary "namely ny olon' i Jesoa izy; nefa ny olon' i Jesoa dia tsy namely azy kosa. Ary dia toy izany no nihemorany tao amin' ny tsy finoana sy ny faharatsiana, isan-taona isan-taona, mandra-pahalasan' ny telopolo amby roanjato taona.

35 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, eny, tamin' ny taona fahiraika amby telopolo sy roanjato, dia nisy fisaraham-bazana lehibe teo anivon' ny vahoaka.

36 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, dia nisy vahoaka nitsangana izay nantsoina hoe ny Nefita, ary tena mpino an' i Kristy izy; ary teo anivony dia nisy ireo izay nantsoin' ny Lamanita hoe—Jakôbita sy Jôsefita ary Zôramita;

37 Koa ny tena mpino an' i Kristy sy ny tena mpivavaka amin' i Kristy (teo anivony no nisy ny "mpianatr' i Jesoa telo izay hitoetra), dia nantsoina hoe Nefita sy Jakôbita ary Jôsefita sy Zôramita.

38 Ary ny zava-nitranga dia nantsoina hoe Lamanita sy Lemoelita ary Ismaelita ireo izay nitsipaka ny filazantsara; ary ireo dia tsy nihemotra tao amin' ny tsy finoana, fa "nikomy an-tsitrapo kosa tamin' ny filazantsaran' i Kristy; ary nampianariny an-janany ny tsy tokony hinoany, dia tahaka ny nihemoran' ny razany hatrany am-piandohana.

39 Ary izany dia noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny razany, dia tahaka ny tany am-piandohana. Ary "nampianarina azy ny hankahala ny zanak' Andriamanitra, dia tahaka ny nampianarana ny Lamanita hankahala ny zanak' i Nefia hatrany am-piandohana.

40 Ary ny zava-nitranga dia efatra amby efapolo amby roanjato taona no efa lasana, ary dia toy izany ny raharahan' ny vahoaka. Ary ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny vahoaka dia nihanahery sy nihamaro izaitzizy kokoa noho ny vahoakan' Andriamanitra.

41 Ary mbola notohizany ny fanorenana fiangonana ho an' ny tenany, ary noravahany tamin' ny karazan-java-tsarobidy rehetra izany. Ary dia toy izany

32a 3 Ne. 28:21.
b Dan. 3:26–27.
33a 3 Ne. 28:22.

34a 3 Ne. 12:39;
F&F 98:23–27.
37a 3 Ne. 28:6–7;

Môrm. 8:10–11.
38a TSM Fikomiana.
39a Môsià 10:17.

no nahalasanan' ny dimampolo amby roanjato taona, ary koa ny enimpolo amby roanjato taona.

42 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nampiorina indray ny fianianana sy ny "tsikom-bakomba miafin' i Gadiantôna ny ampahany ratsy tamin' ny vahoaka.

43 Ary ny vahoaka koa izay nantsoina hoe ny vahoakan' i Nefia dia nanomboka niavonavona tao am-pony, noho ny haren'ny fatratra, ary tonga nirehaka tahaka ny Lamanita rahalahiny.

44 Ary hatramin' izay fotoana izay dia nanomboka nalahelo noho ny "fahotan' izao tontolo izao ireo mpianatra.

45 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny telonjato taona, dia efa nanjary ratsy izaitsizy tokoa na ny vahoakan' i Nefia na ny Lamanita, ny andaniny tahaka ny ankilany.

46 Ary ny zava-nitranga dia niely eran' ny lafiny rehetra teo tamin' ny tany ny jirik' i Gadiantôna; ary tsy nisy izay marina afa-tsy ny mpianatr' i Jesoa. Ary volamena sy volafotsy no

nohariany betsaka, ary nanao varotra tamin' ny karazam-ba-rotra rehetra izy ireo.

47 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny dimy amby telonjato taona, (ary ny vahoaka dia mbola nijanona tao amin' ny faharatsiana ihany), dia nodimandry i Amôsa; ary i Amarôna rahalahiny no nitana ny rakitsoratra teo amin' ny toerany.

48 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny roapolo sy telonjato taona dia nanafina ny "rakitsoratra izay masina, i Amarôna rehefa noteren' ny Fanahy Masina—eny, dia ny rakitsoratra masina rehetra izay efa nifanolan' ny taranaka fara mandimby, izay masina—dia roapolo sy telonjato taona hatramin' ny fiavian' i Kristy.

49 Ary izy dia nanafina izany ho an' ny Tompo mba "hivoahan' izany indray ho an' ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Jakoba, araka ny famanianana sy ny fampanantenan' ny Tompo. Ary dia toy izany no fiafaran' ny rakitsoratr' i Amarôna.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

TOKO 1

Namepetra an' i Môrmôna momba ny rakitsoratra masina i Amarôna—Niandoha ny ady teo amin' ny

Nefita sy ny Lamanita—Nesorina hiala ny Nefita Telo lahy—Nanjaka ny faharatsiana, ny tsy finoana, ny famosaviana ary ny famorehana. Tokony ho 321–326 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny, izaho "Môr-môna dia manao ny ^brakis-tsoatra ny amin' ny zavatra izay sady efa reko no hitako, ary antsoiko hoe ny Bokin' i Môrmôna izany.

2 Ary tamin' ny fotoana izay nanafenan' i "Amarôna ny rakis-tsoatra ho an' ny Tompo, dia tonga tao amiko izy (tokony ho folo taona aho ary nanomboka ^bnianatra misimisy ihany araka ny fomba fianaran' ny oloko) ary hoy i Amarôna tamiko: Takatro fa ankizy matotra ianao ary faingam-pandinika;

3 Noho izany, rehefa tokony ho efatra amby roapolo taona ianao, dia mba tiako ny hahatsiarovanao ny zavatra izay efa nodinihinao momba ity vahoaka ity; ary rehefa mby amin' izay taona izay ianao, dia mandehana any an-tanin' i Antoma, mankamin' ny vohitra iray izay hantsoina hoe i "Sîma; ary ao no efa nametrahako ho an' ny Tompo ny soratra masina voasokitra rehetra momba ity vahoaka ity.

4 Ary indro, halainao ho anao ny "takelak' i Nefia, ary ny sisa dia havelanao eo amin' ny toerana izay misy azy; ary hosokirinao eo amin' ny takelak' i Nefia ny zava-drehetra izay efa nodinihinao momba ity vahoaka ity.

5 Ary izaho Môrmôna, izay tamingan' i "Nefia (ary ny anaran-draiko dia i Môrmôna), dia

nahatsiaro ny zavatra izay nandidian' i Amarôna ahy.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa feno iraika ambin' ny folo taona aho, dia nentin' ny raiko nan-kamin' ny tany andafiatsimo, dia tany an-tanin' i Zarahemlà.

7 Efa rakotra fanorenana ny lafiny manontolo tamin' ny tany, ary ny vahoaka dia maro saika toy ireny fasiky ny ranomasina ireny.

8 Ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io, dia nanomboka nisy ady teo amin' ny Nefita izay nahitana ny Nefita sy ny Jakôbita, ary ny Jôsefita sy ny Zôramita; ary izany ady izany dia teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, ary ny Lemoelita sy ny Ismaelita.

9 Ankehitriny ny Lamanita sy ny Lemoelita ary ny Ismaelita dia nantsoina hoe Lamanita, ary ny andaniny roa dia ny Nefita sy ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nisy ady teo anivony tao amin' ny sisin-tanin' i Zarahemlà, tao akaikin' ny ranon' i Sidôna.

11 Ary ny zava-nitranga dia efa nahatafavory miaraka vatan-dehilahy marobe ny Nefita, ka nihoatra ny telo alina ny isany. Ary ny zava-nitranga tamin' io taona io ihany dia efa nanana ady maro izy ireo, izay nandresen' ny Nefita ny Lamanita sy namonoany ny maro taminy.

12 Ary ny zava-nitranga dia notsoahan' ny Lamanita ny fi-

[MÔRMÔNA]

1 1a TSM Môrmôna,
Mpaminany Nefita.
b 3 Ne. 5:11-18.

2a 4 Ne. 1:47-49.
b Môsià 1:3-5.
3a Etera 9:3.
4a TiM 1:1, 11.

TSM Takelaka.
5a 3 Ne. 5:12, 20.

kasany, ka dia nisy fandriam-pahalemana niorina teo amin' ny tany; ary naharitra efa-taona teo ho eo ny fandriampahalemana, ka dia tsy nisy fandatsahan-dra.

13 Nefa nanjaka ny faharatsiana teo amin' ny lafin' ny tany manontolo, hany ka ny Tompo dia nanaisotra ny "mpianany malala, ary ny asan' ny fahagagana sy ny fanasitranana dia nitsahatra noho ny heloky ny vahoaka.

14 Ary tsy nisy intsony "fanomezam-pahasoavana avy tany amin' ny Tompo, ary ny ^bFanahy Masina dia tsy nidina intsony na tamin' iza na tamin' iza, noho ny helony sy ny "tsy finoany.

15 Ary izaho dia feno dimy ambin' ny folo taona sy efa somary mato-tsaina ihany, noho izany aho dia novangian' ny Tompo sy nanandrana ary nahafantatra ny amin' ny hatsaram-pon' i Jesoa.

16 Ary niezaka aho ny hitory amin' ity vahoaka ity, saingy nakombona ny vavako ary norarana aho tsy hitory aminy; satria indro efa "nikomy an-tsitrapo tamin' Andriamaniny izy; ary ny mpianatra malala dia ^bnesorina hiala ny tany noho ny helony.

17 Fa nijanona teo anivony aho, saingy norarana aho tsy hitory aminy, noho ny hamafin' ny fony; ary noho ny hamafin' ny

fony dia "nozonina ny tany noho ny aminy.

18 Ary ireo jirik' i Gadiantôna ireo, izay teo anivon' ny Lamanita, dia nanenika ny tany, hany ka ny mponina teo aminy dia nanomboka nanafina ny "hareny tao anaty tany; ary nanjary nalama ireny, satria efa nanazona ny tany ny Tompo, ka dia tsy azony nohazonina na notanana ireny.

19 Ary ny zava-nitranga dia nisy ny famosaviana sy ny famorehana ary ny fanova-maso; ary ny herin' ilay ratsy dia niasa eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, ho fanatanterahana ny tenin' i Abinadia rehetra, ary koa ny an' i Samoela ilay Lamanita.

TOKO 2

Nitarika ny miaramila Nefita i Môrmôna — Nandrakotra ny tany ny ra sy ny fandripahana — Nitolo sy nitomany tamin' ny alahe-lon' ny voaozona ny Nefita — Lasa ny andron' ny fankasitrahana azy — Nahazo ny takelak' i Nefia i Môrmôna — Nitohy ny ady. Tokony ho 327–350 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' io taona io ihany, dia nanomboka nisy indray ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Ary na dia teo aza ny maha-tanora ahy, dia vaventy tsanganana aho; koa ny vahoakan' i Nefia dia

13a 3 Ne. 28:2, 12.

14a Môrô. 10:8–18, 24.

b TSM Fanahy Masina.

d TSM Tsy Finoana.

16a TSM Fikomiana.

b Môrm. 8:10.

17a 2 Ne. 1:7;

Almà 45:10–14, 16.

18a Hel. 13:18–20;

Etera 14:1–2.

nanendry ahy ho mpitondra azy, na ho mpitondra ny miaramilany.

2 Koa ny zava-nitranga, tamin' ny fahenina ambin' ny folon' ny taonako, dia nandeha teo alohan' ny miaramilan' ny Nefita aho hiady amin' ny Lamanita; ary enina amby roapolo sy telonjato taona no efa lasana.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafito amby roapolo sy telonjato, dia nisovoka anay niaraka tamin' ny hery lehibe izaitsizy tokoa ny Lamanita, ka nampihorohoro ny miaramilako; koa tsy te hiady izy, ary nanomboka nisintona nankany amin' ny tany avaratra izy.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao an-tanànan' i Angôla izahay ary nandray ny fizakana ny tanàna sy nanao fiomanana hiarovana ny tenanay amin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nohamafisinay araka ny herinay ny tanàna; nefa na dia teo aza ny fanamafisana rehetra nataonay, dia nisovoka anay ny Lamanita ary nanosika anay hiala ny tanàna.

5 Ary natosiny koa izahay hiala ny tanin' i Davida.

6 Ary nandeha izahay ary tonga tao an-tanin' i Josoa, izay tao amin' ny sisin-tany andrefana akaikin' ny morondranomasina.

7 Ary ny zava-nitranga dia nangoninay faingana araka izay tratra ny olonay mba hahazoanay mampivondrona azy ho antoko iray.

8 Nefa indro, feno mpandroba sy Lamanita ny tany; ary na dia

teo aza ny famongorana lehibe izay nihantona teo ambonin' ny oloko, dia tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony izy; koa nisy ny ra sy ny fandripahana nipariaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, na tamin' ny andaniny Nefita na koa tamin' ny ankilany Lamanita; ary fiovampenitra tanteraka izany eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany.

9 Ary ankehitriny dia nanana mpanjaka ny Lamanita, ary i Aharôna no anarany; ary tonga izy hiady aminay niaraka tamin' ny miaramila efatra arivo sy efatra alina. Ary indro, nanohitra azy aho niaraka tamin' ny roa arivo sy efatra alina. Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy aho niaraka tamin' ny miaramilako ka dia nandositra teo anoloako izy. Ary indro, izany rehetra izany no nitranga, ary efa lasana ny telopolo sy telonjato taona.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nibebaka tamin' ny helony ny Nefita ary nanomboka nitalaho toy ny efa namanian' i Samoela mpaminany izany izy; satria indro tsy nisy olona afaka nitana izay azy, noho ny mpangalatra sy ny mpandroba, ary ny mpamono olona, ary ny fanova-maso sy ny famorehana izay nisy teo amin' ny tany.

11 Dia toy izany no nanomboka nisian' ny fitomaniana sy ny fitolokoana teo amin' ny tany manontolo noho ireo zavatra ireo, ary indrindra indrindra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

12 Ary ny zava-nitranga, rehe-

fa nahita ny fitolokoany sy ny fitomaniany ary ny alahelony teo anoloan' ny Tompo izaho Môrmôna, dia nanomboka nifaly tao anatiko ny foko, noho ny fahalalako ny famindram-po sy ny faharipon' ny Tompo, noho ny fiheverana fa ho feno famindram-po aminy Izy ka ho tonga vahoaka marina indray izy.

13 Nefa indro zava-poana izany fifaliako izany, fa tsy nan-kamin' ny fibebahana ny "alahelony, noho ny hatsaram-pon' Andriamanitra; fa vao mainka izany alahelon' ny ^bvoaozona, satria ny Tompo dia tsy te hame-la azy mandrakariva hahazo "fahasambarana ao amin' ny fahotana.

14 Ary tsy nanatona an' i Jesoa tamin' ny "fo torotoro sy ny fanahy manenina izy, fa ^bnanozona kosa an' Andriamanitra sy naniry ny ho faty. Na dia teo aza izany dia niady tamin' ny sabatra izy ho an' ny ainy.

15 Ary ny zava-nitranga dia niverina tamiko indray ny alaheloko, ary nahita aho fa "efalasa na ny ^bandrom-^dpankasitrahana ho azy, na ara-nofo na ara-panahy; satria hitako ny an' arivony taminy nojinjaina tamin' ny fikomiana an-kitsirano tamin' Andriamaniny sy nifanongoa toy ny zezika tambonin' ny tany. Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny efatra amby efapolo sy telon-jato taona.

16 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahadimy amby efapolo sy telon-jato, dia nanomboka nandositra teo anoloan' ny Lamanita ny Nefita; ary nenjehina izy ambara-pahatongany tao an-tanin' i Jasôna, talohan' ny nahafahana nanajanona azy tamin' ny fihemorany.

17 Ary ankehitriny, ny tanànan' i Jasôna dia akaikin' ny "toerana izay efa nametrahana' i Amarôna ireo rakitsoratra ho an' ny Tompo mba tsy haharava azy ireny. Ary indro efa nandeha aho araka ny tenin' i Amarôna ary naka ny takelak' i Nefia sy nanao rakitsoratra araka ny tenin' i Amarôna.

18 Ary teo amin' ny takelak' i Nefia no nanaovako ny fitantarana feno ny amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana rehetra; saingy teo amin' ireto "takelaka ireto kosa dia noferako ny fanaovana fitantarana feno ny amin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany, satria indro, ny sarin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana mandrakariva no efa teo anoloan' ny masoko hatrizay naha-vantotr' olona ahy ka nitazanako ny lalan' ny olona.

19 Ary lozako noho ny faharatsiany; fa efa nofenoina alahelo ny foko, tamin' ny androko rehetra, noho ny faharatsiany; na dia teo aza izany dia fantatro

2 13a 2 Kor. 7:10;
Almà 42:29.
^b TSM Fahamelohana.
^d Almà 41:10.

14a TSM Fo Torotoro.
^b TSM Manevateva.
15a Jer. 8:20;
F&F 56:16.

^b Hel. 13:38
^d TSM Fahasoavana.
17a Môrm. 1:1-4.
18a TSM Takelaka.

fa “hasandratra aho amin’ ny andro farany.

20 Ary ny zava-nitranga, tamin’ io taona io, dia nohazaina sy nenjehina indray ny vahokan’ i Nefia. Ary ny zava-nitranga dia nenjehina izahay mandra-pahatonganay tao andafiavaratry ny tany izay nantsoinay hoe Sema.

21 Ary ny zava-nitranga dia nohamafisinay ny tanànan’ i Sema, ary dia nangoninay tao araka izay tratra ny olonay, fa angamba mba ho azonay vonjena amin’ ny famongorana izy.

22 Ary ny zava-nitranga tamin’ ny taona fahenina amby efapolo sy telonjato dia natombony indray ny fanafihana anay.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin’ ny oloko aho ary namporisika azy tamin-kery lehibe mba hijoroany amim-pahasahiana tokoa eo anoloan’ ny Lamanita ary “hiadiany ho an’ ny vadiny sy ny zanany, ary ny tranony sy ny akaniny.

24 Ary ny teniko dia somary nanentana azy ihany hatanjatsaina, hany ka tsy nandositra teo anoloan’ ny Lamanita izy, fa nijoro tamim-pahasahiana tokoa nanohitra azy.

25 Ary ny zava-nitranga dia miaramila telo alina izahay no niady tamin’ ny miaramila dimy alina. Ary ny zava-nitranga dia notoherinay tamim-pahasahiana toy izany izy ka dia nandositra teo anoloanay.

26 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandositra izy, dia nanenjika

azy niaraka tamin’ ny miaramilanay izahay ary nifanandrina taminy sy nandresy azy; kanefa tsy tao aminay ny herin’ ny Tompo; eny, honjohonjon’ ny tenanay samirery, fa ny Fanahin’ ny Tompo dia tsy nitoetra tao aminay; koa efa tonga nalemy toy ny rahalahinay izahay.

27 Ary nalahelo ny foko noho ity antambo lehibe teo amin’ ny oloko ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany. Nefa indro, nandeha izahay niady tamin’ ny Lamanita sy ny jirik’ i Gadiantôna, mandra-pahazoanay indray ny fizakana ny tany lovanay.

28 Ary efa lasana ny taona fahasivy amby efapolo sy telonjato. Ary tamin’ ny taona fahadimampolo sy telonjato dia nanao fifanekena tamin’ ny Lamanita sy ny jirik’ i Gadiantôna izahay, tamin’ izany no nahazoanay ny tany lovanay voazarazara.

29 Ary nomen’ ny Lamanita anay ny tany andafiavaratra, eny, na dia hatreo amin’ ny “vozon-tany ety izay nitondra nankamin’ ny tany andafiatsimo aza. Ary izahay dia nanome ny tany andafiatsimo rehetra ho an’ ny Lamanita.

TOKO 3

Niantso ny Nefita hibe-baka i Môrmôna—Nahazo fandresena lehibe ireo ary nankalaza ny heriny ihany—Nandà ny hitarika azy i Môrmôna, ary tsy niaraka tamin’

ny finoana ny fivavany ho azy—Manasa ny fokon' i Isiraely roa amin' ny folo ny Bokin' i Môrmôna mba hino ny filazantsara. Tokony ho 360–362 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia tsy tonga mba hiady indray ny Lamanita raha tsy efa lasana ny folo taona mahery. Ary indro, efa nampiasa ny Nefita oloko aho tamin' ny fanomanana ny taniny sy ny fiadiany hiatrehina ny fotoana hiadiana.

2 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Antsoy amin' ity vahoaka ity hoe—Mibebaha ianareo ary mankana atỳ Amiko, ary aoka hatao batisa sy hanorina indray ny Fiangonako, ary dia hotsimbina ianareo.

3 Ary izaho dia niantso ity vahoaka ity, nefa zava-poana izany; ary tsy tsapany fa ny Tompo no efa nitsimbina azy sy nanome azy fotoana hibebahana. Ary indro nanamafy ny fony tamin' ny Tompo Andriamaniny izy.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ity taona fahafolo ity, ka ny fitambarany dia manome enimpolo sy telonjato taona hatramin' ny niavian' i Kristy, dia nandefa taratasy tamiko ny mpanjakan' ny Lamanita, izay nampahafantatra ahy fa efa nio-mana izy ny ho tonga indray hiady aminay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataoko izay hahatafavory ny oloko miaraka tao an-tany

Faharavana, tao amin' ny tanàna izay tao amin' ny sisin-tany, akaikin' ny vozon-tany izay mitondra mankamin' ny tany andafiatsimo.

6 Ary tao izahay no nametraka ny miaramilanay mba hahazoa-nay misakana ny miaramilan' ny Lamanita, mba tsy hahazoa-nay maka ny fizakana na inona na inona amin' ny taninay; noho izany izahay dia nanamafy tamin' ny herinay rehetra hanoharana azy.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika amby enimpolo sy telonjato, dia nidina tao an-tanànan' i Faharavana ny Lamanita hiady aminay; ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io, dia nandresy azy izahay, hany ka niverina tany amin' ny taniny ihany indray izy.

8 Ary tamin' ny taona faharoa amby enimpolo sy telonjato dia nidina indray izy mba hiady. Ary nandresy azy indray izahay ary namono ny maro tokoa taminy, ary natsipy tany andranomasina ny maty taminy.

9 Ary ankehitriny, noho izany zava-dehibe izay efa nataon' ny Nefita oloko izany, dia nanomboka “nirehareha noho ny tanjany izy ary nanomboka nianiana teo anoloan' ny lanitra, fa izy dia hamaly faty ny ran' ny rahalahiny izay efa novonoin' ny fahavalony.

10 Ary izy dia nianiana tamin' ny lanitra, ary koa tamin' ny seza fiandrianan' Andriamandriana, fa “handeha hiady amin' ny

fahavalony sy hamongotra azy tambonin' ny tany.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nandà tanteraka izaho Môrmô-na hatramin' izay fotoana izay ny tsy ho komandy sy ny tsy ho mpitondra ity vahoaka ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

12 Indro, efa nitarika azy aho, na dia teo aza ny faharatsiany, efa nitarika azy imbetsaka aho tamin' ny ady ary efa tia azy, araka ny "fitiavan' Andriamanitra izay tao amiko tamin' ny foko manontolo; ary efa noborahiko ny fanahiko tao amin' ny fivavako tamin' Andriamanitra nandritra ny manontolo andro ho azy; kanefa dia ^btsy nobam-pinoana izany noho ny hamafin' ny fony.

13 Ary intelo aho no efa nanafaka azy hiala teo an-tanan' ny fahavalony, ary tsy nibebaka tamin' ny fahotany ihany izy.

14 Ary nony efa nianiana tamin' izay rehetra efa "nandran' i Jesoa Kristy Tomponay sy Mpamonjy anay izy, fa handeha hiakatra hiady amin' ny fahavalony ary hamaly faty ny ran' ny rahalahiny, dia indro tonga tamiko ny feon' ny Tompo, nanao hoe:

15 Ahy ny "famaliana, ary Izaho no ^bhamaly; ary satria tsy nibebaka ity vahoaka ity taorian' ny efa nanafahako azy, dia indro, hofongorana eto ambonin' ny tany izy.

16 Ary ny zava-nitranga dia nolaviko tanteraka ny hiakatra hiady amin' ny fahavaloko; ary dia nataoko araka izay efa nandidian' ny Tompo ahy; ary dia nijoro ho toy ny vavolombelona mpitan-damba aho mba haneho amin' izao tontolo izao ny zavatra izay hitako sy reko, araka ny fanehoan' ny Fanahy izay efa nanambara ny amin' ny zavatra ho avy.

17 Koa manoratra "aminareo Jentilisa aho, ary koa aminareo, mpianakavin' i Isiraely, fa rehefa hiantomboka ny asa, ka ianareo dia efa madiva hiomana ny hiverina any amin' ny tany lovanareo;

18 Eny, indro, manoratra amin' ny faran' ny tany rehetra aho; eny, aminareo fokon' i Isiraely roa ambin' ny folo, izay "hotsarain' ny roambinifololahy izay nofinidin' i Jesoa tao an-tanin' i Jerosalema mba ho mpianany, araka ny asanareo.

19 Ary manoratra koa amin' ny sisa tavela amin' ity vahoaka ity aho, izay hotsarain' ny "roambinifololahy koa, izay nofinidin' i Jesoa teo amin' ity tany ity; ary ireo dia hotsarain' ny roambinifololahy hafa izay nofinidin' i Jesoa tao an-tanin' i Jerosalema.

20 Ary asehon' ny Fanahy ahy ireo zavatra ireo; koa manoratra aminareo rehetra aho. Ary noho izao antony izao no anoratako aminareo, dia ny mba hahafantarareo fa tsy maintsy mijoro

12a TSM Fitiavana.

b Môrm. 5:2.

14a 3 Ne. 12:34–37.

15a TSM Valifaty.

b F&F 82:23.

17a 2 Ne. 30:3–8;

3 Ne. 29:1.

18a Mat. 19:28;

Lio. 22:29–30;

F&F 29:12.

19a 1 Ne. 12:9–10.

avokoa eo anoloan' ny "toeram-pitsaran' i Kristy ianareo, eny, ny olona tsirairay izay isan' ny ^bfianakavian' olombelona manontolo avy amin' i Adama; ary tsy maintsy mijoro ianareo mba hotsaraina araka ny asanareo, na tsara izany na ratsy;

21 Ary koa ny mba "hinoanareo ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, izay ho azonareo eo anivonareo; ary koa ny mba hanaan' ny ^bJiosy izay vahoakan' ny fanekepiahavanan' ny Tompo, ^dvavolombelona hafa ankoatra ilay efa hitany sy reny, fa i Jesoa izay novonoiny, no "tena Kristy sy tena Andriamanitra.

22 Ary mba tiako ny hahafahako mandresy lahatra "anareo rehetra faran' ny tany mba hibe-baka sy hiomana ny hijoro eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy.

TOKO 4

Nitohy ny ady sy ny fandripahana —Ny ratsy nanafay ny ratsy— Nanjaka ny faharatsiana lehibe kokoa noho ny teo aloha teo amin' i Isiraely manontolo —Natao sorona tamin' ny sampy ny vehivavy sy ny ankizy— Nanomboka nifaoka ny Nefita teo anoloany ny Lamanita. Tokony ho 363–375 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahatelo amby enimpolo sy telonjato, dia nandeha niakatra niaraka ta-

min' ny miaramilany ny Nefita hiady amin' ny Lamanita, tany ivelan' ny tanin' i Faharavana.

2 Ary ny zava-nitranga dia voatosika indray hiverina any an-tanin' i Faharavana ny miaramilan' ny Nefita. Ary raha mbola trotraka izy, dia nisovoka azy ny miaramila vaon' ny Lamanita; ary dia nangotraka ny ady teo amin' izy ireo, hany ka ny Lamanita dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana sy namono ny maro tamin' ny Nefita ary naka sambobelona maro.

3 Ary ny ambiny dia nandositra sy nitambatra tamin' ny mponin' ny tanànan' i Teankoma. Ankehitriny ny tanànan' i Teankoma dia niorina tao amin' ny sisintany akaikin' ny morondranomasina; ary izany koa dia akaikin' ny tanànan' i Faharavana.

4 Ary "noho ny miaramilan' ny Nefita nandeha niakatra tany amin' ny Lamanita no nanombohany ho voakapoka; fa raha tsy izany, dia tsy ho nety nanankery taminy ny Lamanita.

5 Nefa, indro, hanatratra ny ratsy ny fitsaran' Andriamanitra; ary amin' ny alalan' ny olon-dratsy no "amaizana ny olon-dratsy; fa ny olon-dratsy no mamoky ny fon' ny zanak' olombelona ho amin' ny fandatsahan-dra.

6 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana hanafihana

20a TSM Fitsarana
Farany, Ny.
b F&F 27:11.
21a F&F 3:20.

b TSM Jiosy.
d 2 Ne. 25:18.
e 2 Ne. 26:12;
Môsà 7:27.

22a Almà 29:1.
4 4a Môrm. 3:10.
5a F&F 63:33.

ny tanànan' i Teankoma ny Lamanita.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahefatra amby enim-polo sy telonjato, dia nanafika ny tanànan' i Teankoma ny Lamanita mba hahazoany mandray ny fizakana ny tanànan' i Teankoma koa.

8 Ary ny zava-nitranga dia voatosika izy ary voatosiky ny Nefita hiverina. Ary nony nahita ny Nefita fa efa voatosiny ny Lamanita, dia nirehaka indray izy noho ny tanjany ihany; ary nandeha tamin' ny tanjany ihany izy ary nandray indray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana.

9 Ary ankehitriny dia ireo zavatra rehetra ireo no efa vita, ary efa nisy an' arivony no efa voavono tamin' ny andaniny roa, na tamin' ny Nefita, na tamin' ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga dia efa lasana ny taona fahenina amby enim-polo sy telonjato, ary tonga indray teo amin' ny Nefita ny Lamanita mba hiady; ary tsy mbola nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony ny Nefita, fa nikiry mandrakariva kosa tamin' ny faharatsiany.

11 Ary tsy ho vitan' ny lela ny hitantara, na ny olona ny hanoratra fitantarana feno ny fisehoan-javatra mahatsiravina momba ny ra sy ny fandripahana izay nisy teo anivon' ny vahoaka, na teo amin' ny Nefita na teo amin' ny Lamanita; ary nihamafy ny fo tsirairay ka

dia finaritra mandrakariva tao amin' ny fandatsahan-dra izy ireo.

12 Ary tsy nisy na oviana na oviana "faharatsiana lehibe tokoa toy izay nisy teo anivon' ity vahoaka ity teo anivon' ny zanak' i Lehia rehetra, na dia teo anivon' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra aza, araka ny tenin' ny Tompo.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana ny Lamanita, ary izany dia noho ny "isany nihoatra ny isan' ny Nefita.

14 Ary nandeha koa izy nanohitra ny tanànan' i Teankoma ary nandroaka ny mponina hiala tao sy naka sambobelona maro, na vehivavy na ankizy, ary nanatitra ireny ho sorona tamin' ny "sampy andriamaniny.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafito amby enim-polo sy telonjato, dia tezi-tra ny Nefita, satria efa nataon' ny Lamanita sorona ny vadiny sy ny zanany, ka dia nandeha izy niady tamin' ny Lamanita tamin' ny fahatezerana lehibe izaitsizy tokoa, hany ka nandre-sy indray ny Lamanita izy ary nanosika azy hiala ny taniny.

16 Ary tsy niverina indray hiady amin' ny Nefita ny Lamanita raha tsy tamin' ny taona fahadimy amby fitopolo sy telonjato.

17 Ary tamin' io taona io izy dia nidina hiady tamin' ny Nefita tamin' ny heriny rehetra; ary tsy voaisa izy noho ny habetsahan' ny isany.

TOKO 5

18 Ary "hatramin' izay fotoana izay dia tsy nahazo fandresena tamin' ny Lamanita ny Nefita, fa nanomboka kosa ho nofaohiny toy ny ando teo anoloan' ny masoandro.

19 Ary ny zava-nitranga dia nidina ny Lamanita nanafika ny tanànan' i Faharavana; ary nisy ady nangotraka izaitsizy tokoa nifanandrinana tao antanin' i Faharavana, ka tamin' izany no nandreseny ny Nefita.

20 Ary nandositra teo anoloany indray izy ary tonga tao an-tanànan' i Boaza; ary tao izy no nanohitra ny Lamanita tamim-pahasahiana fatratra, hany ka tsy nandresy azy ny Lamanita raha tsy efa niverina fanindroany indray.

21 Ary nony efa tonga fanindroany izy dia voatosika ny Nefita ary voaripaka tamin' ny fandripahana lehibe izaitsizy tokoa; ny vehivaviny sy ny zanany dia natao sorona indray tamin' ny sampy.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloany indray ny Nefita, naka ny mponina rehetra hiaraka aminy na tamin' ny tanàna na vohitra.

23 Ary ankehitriny izaho Môrmôna, rehefa nahita fa efa nila hahenika ny tany ny Lamanita, dia nandeha nankamin' ny havoanan' i "Sîma sy naka ny rakitsoratra rehetra izay efa nafenin' i Amarôna ho an' ny Tompo.

Nitarika indray ny miaramila Nefita tamin' ny ady feno ra sy fandripahana i Môrmôna—Hivoka ny bokin' i Môrmôna mba hantresy lahatra an' i Isiraely rehetra fa i Jesoa no Kristy—Noho ny tsy finoany dia haely patrana ny Lamanita, ary hitsahatra ny hitaona azy ny Fanahy—Handray ny filazantsara avy amin' ny Jentilisa izy amin' ny andro farany. Tokony ho 375-384 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny Nefita aho ary nibebaka tamin' ny "fianianana izay efa nataoko fa tsy hanampy azy intsony; ary nomeny ahy indray ny fibaikoana ny miaramilany, satria niandrandra ahy ho toy ny mety hahafaka azy amin' ny fahoriany izy.

2 Nefa indro, "tsy nombampanantenana aho, satria nahalala ny fitsaran' ny Tompo izay hihatra aminy; satria tsy nibebaka tamin' ny helony izy, fa niady kosa ho an' ny ainy, tsy niaraka tamin' ny fiantsoana an' Ilay efa nahary azy.

3 Ary ny zava-nitranga dia tonga hiady aminay ny Lamanita raha nandositra nankany antanànan' i Jordana izahay; nefa indro, voatosika hiverina izy ka tsy nahafaka ny tanàna tamin' izay fotoana izay.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga indray izy hiady aminay, ary notananay ny tanàna. Ary

nisy koa tanàna hafa izay notan' ny Nefita, dia toeram-pamaharana izay nisakana azy ka tsy nahafahany niditra ny tany izay niampatra teo anoloanay mba hamongotra ny mponin' ny taninay.

5 Nefa ny zava-nitranga dia na taiza na taiza toerana izay efa nandalovanay, ary tsy nitambatambatra ny mponina taminy, dia noravan' ny Lamanita, ary ny tanànany sy ny vohiny ary ny tanàn-dehibeny dia nodorana tamin' ny afo; ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny sivy amby fitopolo sy telonjato taona.

6 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahavalopolo sy telonjato, dia tonga teo aminay indray ny Lamanita mba hiady, ary notoherinay tamim-pahasahiana tokoa izy; nefa zava-poana daholo izany, fa betsaka loatra ny isany ka dia nohosi-hoseny teo ambany tongony ny vahoakan' ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia nandositra indray izahay, ary ireo izay faingana kokoa ny fandosirany noho ny an' ny Lamanita dia tafatsoaka, ary ireo izay tsy nihoatra ny Lamanita ny fandosirany dia nafaohana sy nofongorana.

8 Ary ankehitriny indro, izaho Môrmôna dia tsy maniry ny handrotidrotika ny fanahin' ny olona amin' ny fampiharihariana eo anoloany ny fisehoan-javatra mahatsiravina toy izao ra sy fandripahana izay nitranga

teo anoloan' ny masoko izao; nefa, noho ny fahafantarako fa tsy maintsy ampahafantarina marina tokoa ireny zavatra ireny ary ny zavatra rehetra izay miafina dia tsy maintsy "ambara eo ambonin' ny tampon-trano—

9 Ary ny fahafantarana ireny zavatra ireny koa dia tsy maintsy ho "tonga any amin' ny sisa tavela amin' ireto vahoaka ireto, ary any amin' ny Jentilisa koa, izay efa nolazain' ny Tompo fa ^bhampihahaka ity vahoaka ity, ary ity vahoaka ity dia hoheverina ho toy ny tsinontsinona eo anivony—noho izany aho dia manoratra "famintinana kely, tsy sahy manome fitantarana feno ny amin' ny zavatra izay efa hitako, noho ny didy izay efa noraisiko, ary koa mba tsy hanananareo alahelo fatratra loatra noho ny faharatsian' ity vahoaka ity.

10 Ary ankehitriny indro, izany no teneniko amin' ny taranany, ary koa amin' ny Jentilisa izay miahny ny mpianakavin' i Isiraely, izay mahatsapa sy mahafantatra hoe avy aiza ny fitahiana azy.

11 Satria fantatro fa ny toa azy dia halahelo noho ny antambo amin' ny mpianakavin' i Isiraely; eny, halahelo izy noho ny famongorana ity vahoaka ity; halahelo izy fa tsy nibebaka ity vahoaka ity mba hahazoana mamihina azy eo an-tsandin' i Jesoa.

12 Ankehitriny "ireny zavatra

8a Lio. 12:2–3;
2 Ne. 27:11; F&F 1:3.
9a 4 Ne. 1:49.

b 3 Ne. 16:8.
d Môrm. 1:1.
12a Enôsa 1:16;

Hel. 15:11–13.
TSM Bokin' i
Môrmôna.

ireny dia voasoratra ho an' ny ^bsisavavahana amin' ny mpianakavin' i Jakoba; ary voasoratra araka izany fomba izany izy ireny, satria fantatr' Andriamanitra fa ny faharatsiana dia tsy hitondra azy ireny hankany aminy; ary tsy maintsy ^aafenina ho an' ny Tompo izy ireny mba hahazoan' izy ireny mivoaka amin' ny fotoana mahamety izany Aminy.

13 Ary izany no didy izay efa noraisiko; ary indro, izy ireny dia hivoaka, araka ny didin' ny Tompo, rehefa ho hitany ao amin' ny fahendreny ny mahamety izany.

14 Ary indro, handeha any amin' ny tsy mpino amin' ny ^aJiosy izy ireny; ary noho izao fikasana izao no handehanan' ny—mba hahazoana ^bmandresy lahatra azy, fa i Jesoa no i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra velona; mba hahazoan' ny Ray manatanteraka, amin' ny alalan' Ilay Malalany indrindra, ny fikasany lehibe sy mandrakizay, dia ny fampodiana ny Jiosy, na ny mpianakavin' Isiraely rehetra, any amin' ny tany loany, izay efa nomen' ny Tompo Andriamaniny azy ho fanatanterahina ny ^dfanekempihavanany;

15 Ary koa mba hahazoan' ny taranak' ^aity vahoaka ity mino tanteraka kokoa ny filazantsarany, izay ^bhandeha hankany

amin' avy any amin' ny Jentilisa; fa ^dhahahaka ity vahoaka ity izy ary ^ehanjary vahoaka matroka sy maloto ary maharikoriko lavitra noho ny fitantarana an' izay efa nisy teo anivonay, eny, na dia izay efa nisy teo anivon' ny Lamanita aza, ary izany dia noho ny tsy finoany sy ny fanompoan-tsampiny.

16 Satria indro, ny Fanahin' ny Tompo dia efa nitsahatra ny ^anitaona sahadry ny razany; ary tsy miaraka amin' i Kristy sy Andriamanitra izy eo amin' izao tontolo izao; ary avezivezy toy ny ^bakofa eo anoloan' ny rivotra izy.

17 Vahoaka nahafinaritra izy fahiny ary nanana an' i Kristy ho ^ampiandry azy; eny, notarihin' Andriamanitra Ray mihitsy izy.

18 Nefa ankehitriny, indro, ^aavezivezin' i Satana izy, toy ny akofa faohin' ny rivotra, na toy ny sambo asavoamboanan' ny onja, tsisy lay na vatofantsika, na tsisy na inona na inona izay anamoriana azy; ary dia tahaka izany koa izy.

19 Ary indro, ny fitahiana azy, izay mety ho noraisiny teo amin' ny tany, dia efa notehirizin' ny Tompo ho an' ny ^aJentilisa izay hizaka ny tany.

20 Nefa indro, ny zavatra hitranga dia horoahina sy haelin' ny Jentilisa izy; ary rehefa avy noroahina sy naelin' ny Jentilisa

12b F&F 3:16–20.

^d Môrm. 8:4, 13–14;

Môrô. 10:1–2.

14a 2 Ne. 29:13; 30:7–8.

^{tsm} Jiosy.

^b 2 Ne. 25:16–17.

^d 3 Ne. 29:1–3.

15a 3 Ne. 21:3–7, 24–26.

^b 1 Ne. 13:20–29, 38;

Môrm. 7:8–9.

^d 1 Ne. 10:12–14;

3 Ne. 16:8.

^e 2 Ne. 26:33.

16a Gen. 6:3; Etera 2:15.

^b Sal. 1:4.

17a ^{tsm} Mpiandry

Ondry Tsara.

18a 2 Ne. 28:21.

19a 3 Ne. 20:27–28.

izy, dia indro, “hahatsiaro ny ^bfanekehempihavanana izay nataony tamin’ i Abrahama sy tamin’ ny mpianakavin’ i Isiraely rehetra ny Tompo amin’ izany.

21 Ary ny Tompo koa dia hahatsiaro ny “fivavaky ny marina izay efa natao Taminy ho azy.

22 Ary amin’ izany, Ô ianareo Jentilisa, ahoana no hahafahanareo mijoro eo anoloan’ ny herin’ Andriamanitra, raha tsy mibebaka sy mivily hiala amin’ ny lalan-dratsinareo ianareo?

23 Tsy fantatrareo va fa eo antanan’ Andriamanitra ianareo? Tsy fantatrareo va fa manana ny hery rehetra Izy, ary amin’ ny “didiny lehibe ny tany manontolo dia ^bhihoroana tahaka ny horonan-taratasy?

24 Koa mibebaha ianareo ary manetre tena eo Anoloany, fandrao ho tonga ao amin’ ny fahamarinana Izy hanohitra anareo—fandrao ny anankiray sisa tavela amin’ ny taranak’ i Jakoba dia handeha any anivonareo toy ny “liona sy handro-tidrotika anareo, ary tsy misy mba hanafaka.

TOKO 6

Nivory teo an-tanin’ i Komôrà ho amin’ ny ady farany ny Nefita—Nanafina ny rakitsoratra masina tao amin’ ny vohitr’ i Komôrà i Môrmôna—Nandresy ny Lamanita, ary fongotra ny firenena Nefita

—*An’ hetsiny no voavono tamin’ ny sabatra. Tokony ho 385 taorian’ i J.K.*

ARY ankehitriny aho dia mararana ny rakitsoratro momba ny “famongorana ny Nefita va-hoakako. Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo alohan’ ny Lamanita izahay.

2 Ary izaho Môrmôna dia nanoratra taratasy ho an’ ny mpanjakan’ ny Lamanita sy naniry azy mba hotoviny aminay ny hahazoanay manangona miaraka ny vahoakanay ao “an-tanin’ i Komôrà, eo akaikin’ ny vohitra izay nantsoina hoe Komôrà, ary ao no hahafahanay mamaky ady aminy.

3 Ary ny zava-nitranga dia notovin’ ny mpanjakan’ ny Lamanita tamiko ny zavatra izay niriko.

4 Ary ny zava-nitranga dia nizotra nankany an-tanin’ i Komôrà izahay ary nanangana ny lainay nanodidina ny vohitr’ i Komôrà; ary izany dia tanin’ ny rano, renirano ary loharano maro; ary teo izahay dia nanana fanantenana fa hahazo tombony amin’ ny Lamanita.

5 Ary nony efa lasana ny efatra amby valopolo sy telonjato taona, dia efa nahatafangona ny sisa tavela rehetra tamin’ ny vahoakanay izahay tao an-tanin’ i Komôrà.

6 Ary ny zava-nitranga, nony efa nahatafangona ho tokana ny

20a 3 Ne. 16:8–12.
b tsm Fanekehempihavanan’ i Abrahama.
21a Enôsa 1:12–18;
Môrm. 9:36–37.

23a Hel. 12:8–17.
b 3 Ne. 26:3.
24a Mika 5:8;
3 Ne. 20:15–16.
6 1a 1 Ne. 12:19;

Jarôma 1:10;
Almà 45:9–14;
Hel. 13:5–11.
2a Etera 9:3.

vahoakanay rehetra izahay tao an-tanin' i Komôrà, dia indro, izaho Môrmôna dia nanomboka ho antitra; ary fantatro fa izany no ady faran' ny vahoakako, ary efa nodidian' ny Tompo aho ny tsy hamelako ny rakitsoratra izay efa natolotry ny razanay, izay masina, hianjera eo an-tanin' ny Lamanita (fa hopotehin' ny Lamanita ireny), noho izany dia nataoko avy tamin' ny takelak' i Nefia "ity rakitsoratra ity, ary ^bnafeniko tao amin' ny vohitr' i Komôrà ny rakitsoratra rehetra izay efa nankinin' ny tanan' ny Tompo tamiko, afa-tsy ^aireto takelaka vitsivitsy ireto izay nomeko an' i "Môrônia zanako lahy.

7 Ary ny zava-nitranga, dia nahita ny "miaramilan' ny Lamanita nandeha nankany aminy ankehitriny ny vahoakako mba-min' ny vadiny aman-janany; ary tamin' ny tahotra mahatsiravina ny fahafatesana, izay mameno ny tratran' ny olondratsy rehetra, no niandrasany handraisana azy.

8 Ary ny zava-nitranga dia tonga izy hiady aminay, ary feno horohoro ny olona tsirairay noho ny habetsahan' ny isany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanafika ny vahoakako tamin' ny sabatra izy sy tamin' ny tsipika sy tamin' ny zana-tsipika, ary tamin' ny famaky sy tamin' ny fitaovam-piadiana isan-karazany.

10 Ary ny zava-nitranga dia

voajinja ny oloko, eny, dia ny iray aliko izay niaraka tamiko, ary lavo naratra teo afovoany aho; ary nandalo teo akaikiko izy ireo fa tsy namarana ny aiko.

11 Ary nony efa nandeha izy ireo nanavatsava sy nijinja ny "vahoakako rehetra afa-tsy efa-tra amby roapolo taminay (anisan' izany i Môrônia zanako lahy), ary izahay izay efa nieren' ny fahafatesana tamin' ny vahoakanay dia nahatazana avy teny an-tampon-kavoanan' i Komôrà nony ampitso, nony efa niverina nankany amin' ny tobiny ny Lamanita, ny iray alina tamin' ny oloko izay efa nojinjaina rehefa notarihiko teo amin' ny lohalaharana.

12 Ary nahatazana koa izahay ny iray alina tamin' ny vahoakako izay notarihin' i Môrônia zanako lahy.

13 Ary indro, efa lavo ny iray alin' i Gidgidônà, ary izy koa dia teo afovoany.

14 Ary efa lavo i Lamà niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Gilgala niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Limà niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Jeneoma niaraka tamin' ny iray aliny; ary i Komenihà sy i Môrônihà, ary i Antiônôma sy i Siblôma, ary i Sema sy i Jôsy dia efa lavo niaraka tamin' ny iray aliny avy.

15 Ary ny zava-nitranga dia nisy koa folo hafa izay lavo tamin' ny sabatra, niaraka tamin' ny iray aliny avy; eny, dia ny

6a TSM Takelaka.

b Etera 15:11.

d TiM 1:2.

e Môrm. 8:1.

7a 1 Ne. 12:15.

11a 1 Ne. 12:19-20;

Hel. 15:17.

“vahoakako rehetra mihitsy no efa lavo afa-tsy ireo efatra amby roapolo ireo izay niaraka tami-ko, ary koa ny vitsivitsy izay efa tafatsoaka nankamin’ ny tany atsimo, ary ny vitsivitsy izay efa nitsoaka an-daharana nankany amin’ ny Lamanita; ary ny nofony sy ny taolany ary ny rany dia niampatra tambonin’ ny tany, navelan’ ny tanan’ ireo izay namono azy ho lò teo amin’ ny tany sy hira-ka ary hiverina amin’ ny tany niaviany.

16 Ary norotidrotehan’ ny fanaintainana ny fanahiko, noho ireo voavono tamin’ ny oloko, ka nihiaka aho hoe:

17 E ianareo izay mahatehotia, akory izato nahafahanareo niala tamin’ ny lalan’ ny Tompo iky! E ianareo izay mahatehotia, akory izato nahafahanareo nitsipaka Ilay Jesoa izay nijoro, namelatra ny sandriny mba handray anareo iky!

18 Indro, raha tsy nanao izany ianareo, dia tsy ho lavo. Nefa indro, lavo ianareo, ary mitomany ny famoizana anareo aho.

19 E ianareo zanakalahy sy zanakavavy mahatehotia, ianareo ray sy reny, ianareo vady sy andefimandry, ianareo izay mahatehotia, akory izato netezanareo ho lavo iky!

20 Nefa indro, lasana ianareo, ary tsy afaka mitondra anareo hiverina ny alaheloko.

21 Ary avy tsy ho ela ny andro izay tsy maintsy itafian’ ny vatanareo mety maty ny tsy fahafatesana, ary ireto vatana ireto

izay mihasimba ao amin’ ny fahalòvana ankehitriny dia tsy maintsy ho tonga vatana “tsy mety lò tsy ho ela; ary amin’ izany ianareo dia tsy maintsy mijoro eo anoloan’ ny toeram-pitsaran’ i Kristy mba hotsaraina araka ny asanareo; ary raha toa ka marina ianareo, amin’ izany dia hotahiana ianareo miaraka amin’ ny razanareo izay efa lasana talohanareo.

22 E, inay ianareo nibebaka talohan’ ny nahatongavan’ ity famongorana lehibe ity tamina-reo. Nefa indro, lasana ianareo, ary ny Ray, eny, ny Ray Mandrakizain’ ny Lanitra dia mahalala ny toetrareo; ary manao aminareo araka ny “fahamarinany sy ny ^bfamindram-pony Izy.

TOKO 7

Nanainga ny Lamanitan’ ny andro farany i Môrmôna mba hino an’ i Kristy, hanaiky ny filazantsarany, ary ho voavonjy—Izay rehetra mino ny Baiboly dia hino koa ny Bokin’ i Môrmôna. Tokony ho 385 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro, somary hiteny ihany amin’ ny “sisatavla amin’ ity vahoaka izay voatsimbina ity aho, raha toa ka azon’ Andriamanitra omena azy ny teniko, mba hahafantarany ny amin’ ny zavatra ny razany; eny, miteny aminareo aho, ianareo sisa tavela amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely; ary izao no teny izay lazaiko:

2 Fantaro fa avy amin' ny "mpianakavin' i Isiraely ianareo.

3 Fantaro fa tsy maintsy tonga eo amin' ny fibebahana ianareo ary raha tsy izany dia tsy azo vonjena ianareo.

4 Fantaro fa tsy maintsy mame-traka ny fitaovam-piadianareo ianareo ary tsy ho finaritra intsony amin' ny fandatsahan-dra sy tsy maka ireny indray, raha tsy Andriamanitra no mandidy anareo.

5 Fantaro fa tsy maintsy tonga amin' ny "fahalalana ny razanareo ianareo ary mibebaka amin' ny fahotanareo sy ny helokareo rehetra sy ^bmino an' i Jesoa Kristy, fa Izy no Zanak' Andriamanitra, ary novonoin' ny Jiosy Izy, ary tamin' ny herin' ny Ray no efa nitsanganany indray, tamin' izany no efa nahazoany "fandresena tamin' ny fasana; ary tao Aminy koa dia voatelina ny fanindronan' ny fahafatesana.

6 Ary Izy no manatanteraka ny "fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, ka amin' ny alalan' izany no tsy maintsy ananganana ny olona hijoro eo anoloan' ny ^btoeram-pitsarany.

7 Ary Izy no efa nanatanteraka ny "fanavotana izao tontolo izao, ka tamin' izany, izay hita ^btsisy tsiny eo anoloany amin' ny andro fitsarana dia homena

azy ny "hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra ao amin' ny fanjakana mba hihira, miaraka amin' ny "amboaram-peo any ambony, ny fankalazana tsy ankiato ho an' ny Ray sy ho an' ny Zanaka ary ho an' ny Fanahy Masina, izay ^fAndriamanitra iray ao amin' ny toetry ny ^sfahasambarana izay tsy manam-piafarana.

8 Koa mibebaha, ary aoka hatao batisa amin' ny anaran' i Jesoa, ary hazòny ny "filazan-t saran' i Kristy, izay hapetraka eo anoloanareo, tsy ao amin' ity rakitsoratra ity ihany fa ao amin' ny ^brakitsoratra koa izay ho tonga any amin' ny Jentilisa ^davy any amin' ny Jiosy, dia ny rakitsoratra izay ho tonga ^eany aminareo avy any amin' ny Jentilisa.

9 Fa indro, "ity dia voasoratra, ka ny fikasana dia ny hahazoanareo ^bmino izany; ary raha mino izany ianareo, dia hino ity koa; ary raha mino ity ianareo dia ho fantatrareo ny momba ny razanareo, ary koa ny asa mahagaga izay nefain' ny herin' Andriamanitra teo anivony.

10 Ary ho fantatrareo koa fa ianareo dia sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba; noho izany ianareo dia raisina ho isan' ny vahoakan' ny fanekempihava-

2a Almà 10:3.

5a 2 Ne. 3:12.

b TSM Finoana.

d Isa. 25:8;

Môsià 16:7–8.

6a TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

b TSM Jesoa Kristy—Mpitsara; Fitsarana

Farany, Ny.

7a TSM Fanavotana.

b TSM Manamarina.

d 1 Ne. 10:21;

F&F 76:62;

Mos. 6:57.

e Môsià 2:28.

f F&F 20:28.

TSM Andriamanitra.

g TSM Fifaliana.

8a TSM Filazantsara.

b TSM Baiboly.

d 2 Ne. 29:4–13.

e 1 Ne. 13:38.

9a TSM Bokin' i Môrmôna.

b 1 Ne. 13:38–41.

nana voalohany; ary raha toa ka mino an' i Kristy ianareo ary atao batisa, amin' ny rano aloha, dia amin' ny afo sy ny Fanahy Masina avy eo, manaraka ny "ohatry ny Mpamonjy antsika, araka izay efa nandidiany antsika, dia ho mandry ny aminareo amin' ny andron' ny fitsarana. Amena.

TOKO 8

Nihaza sy namongotra ny Nefita ny Lamanita—Hivoaka amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna—Voatonona ny loza ho an' ireo izay mifoho fahatezerana sy adiady hanoherana ny asan' ny Tompo—Hivoaka amin' ny andron' ny faharatsiana, ny fahalovana ary ny fivadihana ny rakitsoratra Nefita. Tokony ho 400-421 taorian' i J.K.

INDRO, izaho "Môrônia dia mamarana ny ^brakitsoratr' i Môrmôna raiko. Indro, tsy manana afa-tsy zavatra vitsivitsy hosoratana aho, dia zavatra izay efa nandidian' ny raiko ahy.

2 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, taorian' ny ady "lehibe sy goavana teo Komôrà, dia indro, nohazain' ny ^bLamanita ny Nefita izay efa tafatsoaka tany amin' ny tany andafiatsimo, mandra-pamongotra azy rehetra.

3 Ary novonoiny koa ny raiko, ary dia izaho "irery no tafajano-

na mba hanoratra ny tantara mampalahelo momba ny famongorana ny vahoakako. Nefa indro, efa lasana izy ireo, ary manatanteraka ny didin' ny raiko aho. Ary raha toa ka hamono ahy izy ireo, dia tsy fantatro.

4 Koa hanoratra sy hanafina ny rakitsoratra ao anaty tany aho; ary na aiza na aiza alehako dia tsy ahoako.

5 Indro, efa nanao "ity rakitsoratra ity ny raiko, ary efa nosoratany ny antony. Ary indro, ho nanoratra izany koa aho raha nanana toerana teo amin' ny ^btakelaka, saingy tsy manana aho; ary ny metaly dia tsy manana aho, satria irery aho. Efa novonoina tamin' ny ady ny raiko sy ny ankohonako rehetra, ary tsy manana namana aho, na izay aleha; ary mandra-pahoviana no hamelan' ny Tompo ahy ho velona, izany dia tsy fantatro.

6 Indro "efajato taona no lasana hatramin' ny niavian' ny Tompontsika sy ny Mpamonjy antsika.

7 Ary indro, ny Lamanita dia efa nihaza ny Nefita vahoakako isan-tanàna sy isan-toerana, mandra-paha-tsy hisy azy intsony; ary lehibe ny "fahalavony; eny, lehibe sy mahatalanjona ny famongorana ny Nefita vahoakako.

8 Ary indro, ny tanan' ny Tompo no efa nanao izany. Ary indro koa, ny Lamanita dia

10a 2 Ne. 31:5-9.
8 1a TSM Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

b TSM Takelaka.
2a Môrm. 6:2-15.
b F&F 3:18.
3a Môrô. 9:22.

5a Môrm. 2:17-18.
b Môrm. 6:6.
6a Almà 45:10.
7a 1 Ne. 12:2-3.

"miady amin' izy samy izy; ary ny lafiny manontolo amin' ity tany ity dia zary fiverimberenan' ny vonoan' olona sy ny fandatsahan-dra tsy tapaka; ary tsy misy mahafantatra ny fiakaran' ny ady.

9 Ary ankehitriny, indro, tsy milaza intsony ny momba azy aho, satria tsy misy afa-tsy ny Lamanita sy ny "jirika no hita eto ambonin' ny tany.

10 Ary tsy misy mahafantatra Ilay tena Andriamanitra afa-tsy ny "mpianatr' i Jesoa, izay nitoetra teo amin' ny tany ambara-pahatongan' ny faharatsian' ny vahoaka ho lehibe loatra ka tsy namelan' ny Tompo azy ireo ^bhijanona miaraka amin' ny vahoaka; ary raha toa ka mbola eto ambonin' ny tany izy ireo, dia tsy misy olona mahalala.

11 Nefa indro, izaho sy ny "raiko dia efa nahita azy ireo, ary efa nanompo anay izy ireo.

12 Ary na zovy na zovy no mandray ity rakitsoratra ity sy tsy hanameloka izany noho ny tsy fahalavorariana izay ao aminy, dia izy no hahalala ny "zavatra lehibe kokoa noho ireto. Indro, izaho no Môrônia; ary raha azo natao, dia ho nampahafantatra anareo ny zava-drehetra aho.

13 Indro, mamarana ny fitenena momba ity vahoaka ity aho. Izaho no zanakalahin' i

Môrmôna ary "tamingan' i Nefia ny raiko.

14 Ary izaho ihany no ilay "manafina ity rakitsoratra ity ho an' ny Tompo; ny takelaka aminy dia tsy misy vidiny, noho ny didin' ny Tompo. Satria lazainy marina tokoa fa tsy hisy hanana izany mba ^bhahazoan-karena; fa ny rakitsoratra aminy kosa dia misy vidiny lehibe; ary na zovy na zovy no hitondra izany ho eo amin' ny mazava, dia izy no hotahin' ny Tompo.

15 Fa tsy hisy hanam-pahefana hitondra izany ho eo amin' ny mazava raha tsy omen' Andriamanitra azy izany; fa sitrak' Andriamanitra ny hanaovana izany amin' ny "maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahiny, na ny fiadanan' ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo fahiny sy niely patrana ela.

16 Ary hotahiana anie "izay hitondra ity zavatra ity ho amin' ny mazava; fa izany dia ^bhoentina avy ao amin' ny maizina ho eo amin' ny mazava, araka ny tenin' Andriamanitra; eny, izany dia havoaka avy ao amin' ny tany sy hami-rapiratra avy ao amin' ny maizina ary ho tonga any amin' ny fahalalan' ny vahoaka; ary izany dia hotontosain' ny herin' Andriamanitra.

17 Ary raha misy "hadisoana, dia hadisoan' ny olona izany. Nefa indro, tsy mahita hadi-

8a 1 Ne. 12:20-23.

9a Môrm. 2:8.

10a 3 Ne. 28:7;

Etera 12:17

TSM Mpianatra

Nefita Telolahy.

b Môrm. 1:16.

11a 3 Ne. 28:24-26.

12a 3 Ne. 26:6-11.

13a 3 Ne. 5:20.

14a Môrô. 10:1-2.

b JS—T 1:46.

15a F&F 4:5.

16a 2 Ne. 3:6-7, 11, 13-14.

b Isa. 29:18;

2 Ne. 27:29.

17a Môrm. 9:31, 33;

Etera 12:23-28.

soana izahay; na dia eo aza izany, Andriamanitra mahalala ny zava-drehetra; noho izany, izay ^bmanameloka, aoka izy hitandrina fandrao hanambana azy ny afon' ny helo.

18 Ary izay milaza hoe: Ase-hoy ahy, raha tsy izany ianareo dia hokapohina—aoka izy hitandrina fandrao izy mandidy izay voararan' ny Tompo.

19 Fa indro, izay “mitsara ankamehana dia mba hotsaraina ankamehana ihany koa; fa arakara ny asany no ho karamany; noho izany, izay mikapoka dia mba hokapohin' ny Tompo ihany koa.

20 Indro, izao no lazain' ny soratra masina—ny olona dia tsy hikapoka, na hitsara koa; fa Ahy ny fitsarana, hoy ny Tompo, ary Ahy koa ny famaliana, ary Izaho no hamaly.

21 Ary izay hifofo fahatezerana sy fifandirana hanoherana ny asan' ny Tompo sy hanoherana ny vahoakan' ny fanekehempihavanan' ny Tompo, dia ny mpianakavin' i Isiraely izany, ary hilaza hoe: Horavanay ny asan' ny Tompo, ary ny Tompo tsy hahatsiaro ny fanekehempihavanany izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely—dia manambana azy ny hikapana sy ny hanipazana azy any anaty afo;

22 Fa hizotra hatrany ny “fikasana mandrakizain' ny Tompo,

mandra-pahatanteraky ny fampanantenany rehetra.

23 Hadihadio ny faminanian' i “Isaia. Indro, tsy afaka manoratra izany aho. Eny, indro, lazai-ko aminareo, fa ireo olomasina ireo izay efa lasana talohako, izay efa nizaka ity tany ity, dia ^bhikiaka, eny, avy amin' ny vovoka izy ireo no hikiaka ny Tompo; ary raha velona koa ny Tompo, dia hotsaroany ny fanekehempihavanana izay efa nataony taminy.

24 Ary mahalala ny “fivavany Izy, fa ireny dia natao ho an' ny rahalahiny. Ary mahalala ny finoany Izy, fa tamin' ny Anarany no nahafahan' ireo namindra ^btendrombohitra; ary tamin' ny anarany no nahafahan' ireo nampihorohoro ny tany; ary tamin' ny herin' ny teniny no nampianjeran' ireo ny “fonja; eny, na dia ny memy mirehitra aza dia tsy afaka nandratra azy ireo, na ny bibidia, na ny menarana misy poizina, noho ny herin' ny teniny.

25 Ary indro, ny “fivavany, dia natao koa ho an' ilay havelan' ny Tompo hamoaka ireto zava-tra ireto.

26 Ary tsy misy tokony hilaza fa tsy ho avy izy ireto, fa ho avy marina tokoa izy ireto, fa ny Tompo no efa niteny izany; fa “avy ao amin' ny tany izy ireto no hivoaka, amin' ny alalan' ny tanan' ny Tompo, ary tsy misy

17b 3 Ne. 29:5; Etera 4:8.

19a dJS, Mat. 7:1–2;

3 Ne. 14:1–2;

Môrô. 7:14.

22a F&F 3:3.

23a 3 Ne. 20:11; 23:1.

b Isa. 29:4;

2 Ne. 3:19–20; 26:16.

24a Enôsa 1:12–18;

Môrô. 9:36;

F&F 10:46.

b Jakôba 4:6; Hel. 10:9.

d Almà 14:27–29.

25a Môrm. 5:21.

26a Isa. 29:4; 2 Ne. 33:13.

afaka manajanona izany; ary izany dia hitranga amin' ny andro izay hilazana fa efa nitsahatra ny ^bfahagagana; ary izany dia hitranga miova tsy ny olona iray miteny ^aavy ao amin' ny maty.

27 Ary izany dia hitranga amin' ny andro izay hiantsoantsoan' ny ^aran' ny olomasina ny Tompo, noho ny ^btsikombakomba mifaina sy ny asan' ny maizina.

28 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay handavana ny herin' Andriamanitra, ary ireo ^afiangonana ho tonga voaloto sy ho tafasondrotra ao amin' ny fiavonavonan' ny fony; eny, dia amin' ny andro izay hitsanganan' ny mpitondra ny fiangonana sy ny mpampianatra ao amin' ny fiavonavonan' ny fony, hatrany amin' ny fialona an' ireo izay isan' ny fiangonany.

29 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay ^ahandrenesana afo sy tafio-drivotra ary ^beton' ny setroka any an-tany hafa;

30 Ary handrenesana koa ^aady, tabataban' ady ary horohoron-tany any amin' ny toerana samihafa.

31 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay hisian' ny fahalotoana lehibe eto ambonin'

ny tany; hisian' ny vonoan' olona sy ny fandrohana, ary ny fandaingana sy ny famitahana, ary ny fijangajangana sy ny karazana fahavetavetana rehetra; izay hisian' ny maro hiteny hoe: Ataovy itsy, na ataovy iroa, ary ^atsy maninona izany, fa ny Tompo no ^bhanohana ny toa azy amin' ny andro farany. Nefa lozan' ny toa azy, fa ao amin' ny ^angidin' ny afero sy ao amin' ny fatotry ny heloka izy.

32 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay hisian' ny fiangonana miorina izay hilaza hoe: Mankanesa aty amiko, ary noho ny volanareo, dia ho voavela amin' ny fahotanareo ianareo.

33 Ry vahoaka ratsy sy mpivadika ary mafy hatoka, nahoana ianareo no efa nanorina fiangonana ho an' ny tenanareo hahazoan-^akarena? Nahoana ianareo no efa ^bnanova ny teny masin' Andriamanitra mba hahazoanareo mitondra ^afanamelohana eo amin' ny fanahinareo? Indro, andrandraonareo ny fanambaran' Andriamanitra; satria indro, tonga ny fotoana amin' izany andro izany izay tsy maintsy hahatanteraka ireo zavatra rehetra ireo.

34 Indro, ny Tompo dia efa naneho tamiko zavatra lehibe

26b Môrm. 9:15-26;
Môrô. 7:27-29, 33-37.
d 2 Ne. 26:15-16;
Môrm. 9:30;
Môrô. 10:27.
27a Etera 8:22-24;
F&F 87:6-7.
b TSM Tsikombakomba
Miafina.

28a 2 Tim. 3:1-7;
1 Ne. 14:9-10;
2 Ne. 28:3-32;
F&F 33:4.
29a Joe. 2:28-32;
2 Ne. 27:2-3.
b 1 Ne. 19:11;
F&F 45:39-42.
30a Mat. 24:6;

1 Ne. 14:15-17.
31a 2 Ne. 28:21-22.
b 2 Ne. 28:8.
d Almà 41:11.
33a TSM Komiberaky ny
Mpisorona.
b 1 Ne. 13:26-29.
d TSM Fahamelohana.

sy mahatalanjona momba izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela, amin' izany andro izany rehefa hitranga eo anivonareo ireo zavatra ireo.

35 Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon' i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny atao-nareo.

36 Ary fantatro fa “mandeha ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo; ary tsy misy afa-tsy vitsivitsy ihany izay tsy ^bmanandratra ny tenany ao amin' ny avonavon' ny fony, hatrany amin' ny fitondrana fitafiana ^atena kanto, hatrany amin' ny fialonana sy ny fifandirana, ary ny hasomparana sy ny fanenjena, ary ny karazana heloka rehetra; ary ny fiangonanareo, eny, izy rehetra mihitsy, dia efa tonga voaloto noho ny avonavon' ny fonareo.

37 Fa indro, ianareo dia tia ^avola sy ny fanananareo, ary ny fitafianareo kanto sy ny fandravahana ny fiangonanareo mihoatra noho ny itiavanareo ny mahantra sy ny sahirana, ny marary sy ny ory.

38 Ô ianareo loto, ianareo mpihatsaravelatsihy, ianareo mpampianatra izay mivarotra ny tenanareo noho izay ho hafaesina, nahoana ianareo no efa nandoto ny fiangonana masin' Andriamanitra? Nahoana

ianareo no “menatra ny hitondra eo aminareo ny anaran' i Kristy? Nahoana ianareo no tsy mihevitra fa lehibe kokoa ny vidin' ny fahasambarana tsisy fiafarany noho ity ^bfahantrana izay tsy maty na oviana na oviana ity — noho ny ^afideran' izao tontolo izao?

39 Nahoana ianareo no mandravaka ny tenanareo amin' izay tsy manan' aina, ary anefa mamela ny noana sy ny sahirana, ary ny mitanjaka, ary ny marary sy ny ory handalo anareo, ary tsy mahamarika azy ireny ianareo?

40 Eny, nahoana ianareo no manorina ny ^afahavetavetanareo miafina mba hahazoan-karena sy manao izay hitomanian' ny mpitondratena eo anoloan' ny Tompo sy hitomanian' ny kamboty koa eo anoloan' ny Tompo, ary hiantso ny Tompo avy ao amin' ny tany koa ny ran' ny rainy sy ny vadiny, mba ho eo ambonin' ny lohanareo ny valifaty?

41 Indro, mihantona eo amboninareo ny sabatry ny valifaty; ary avy tsy ho ela ny fotoana izay ^ahamaliany ny ran' ny olomasina aminareo, fa tsy hiaritra ny antsoantson' ireo intsony Izy.

TOKO 9

Nanainga ireo izay tsy nino an' i

36a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
b Jakôba 2:13.
d Almà 5:53.

37a 2 Ne. 28:9–16.
38a Roma. 1:16;
2 Tim. 1:8;
1 Ne. 8:25–28;
Almà 46:21.

b Môsià 3:25.
d 1 Ne. 13:9.
40a TSM Tsikombakomba
Miafina.
41a 1 Ne. 22:14.

Kristy hibe-baka i Môrônia—Izy dia nitory ny Andriamanitry ny fahagagana, izay manome fanambaran' ary mampidina fanomezana sy famantarana amin' ny mahatoky—Nitsahatra ny fahagagana noho ny tsy finoana—Nanaraka ireo izay nino ny famantarana—Namporisihina ny olona ho hendry sy hitandrina ny didy. Tokony ho 401-421 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny aho dia miteny koa momba ireo izay tsy mino an' i Kristy.

2 Indro, hino ve ianareo amin' ny andron' ny famangiana anareo—indro, rehefa ho avy ny Tompo, eny, dia ilay "andro lehibe izay hangoronana ny ^btany toy ny horonan-taratasy, ary ireo singa dia "hiempo noho ny hafanana mahamay, eny, amin' ilay andro lehibe izay hitondrana anareo hijoro eo anoloan' ny Zanakondrin' Andriamanitra—Hiteny ve ianareo amin' izany fa tsy misy Andriamanitra?

3 Amin' izany va ianareo dia mbola handà an' i Kristy ihany, sa afaka mibanjina ny Zanakondrin' Andriamanitra? Moa heverinareo va fa hiara-hitoetra Aminy ianareo amin' ny fahatsapana ny helokareo? Moa heverinareo va fa mety ho sam-batra ianareo hiara-hitoetra amin' Ilay Masina, kanefa ny fanahinareo ifandroritan' ny

fahatsapana ny heloka, satria efa nandika mandrakariva ny lalàny ianareo?

4 Indro, lazaiko aminareo fa ho fadiranovana kokoa ianareo raha hiara-hitoetra amin' Ilay Andriamanitra marina sy masina, noho ny fahatsapana ny fahalotoanareo eo anoloany, toy izay hiara-hitoetra amin' ny fanahin' ny "voaheloka ao amin' ny ^bhelo.

5 Satria indro, rehefa hoentina hahita ny "fitanjahanareo eo anoloan' Andriamanitra ianareo, ary koa ny voninahitr' Andriamanitra sy ny fahamasinan' i Jesoa Kristy, izany dia handrehitra ny lelafon' ny afo tsy mety maty eo aminareo.

6 Ô amin' izany, ianareo "tsy mino, ^bmitodiha amin' ny Tompo ianareo; mahereza tokoa miantso ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa, fa angamba ianareo mba mety ho hita tsisy pentina, "madio, mahatehotia ary fotsy, rehefa avy nodiovina tamin' ny ran' ny "Zanakondry, amin' izany andro lehibe sady farany izany.

7 Ary miteny koa aminareo izay "mandà ny fanambaran' Andriamanitra aho, ary milaza fa efa atsahatra izany, fa tsy misy fanambaranana, na faminaniana, na fanomezam-pahasoavana, na fanasitranana, na fitenenana amin' ny teny sy ny ^bfandikana ny teny;

9 2a Mal. 4:5; 3 Ne. 28:31.

^b Môrm. 5:23;

F&F 63:20-21.

TSM Izao Tontolo

Izao—Faran' ny tany.

^d Amo. 9:13; 3 Ne. 26:3.

4a TSM Fahamelohana.

^b TSM Helo.

5a 2 Ne. 9:14.

6a TSM Tsy Finoana.

^b Ezek. 18:23, 32;

F&F 98:47.

^d TSM Madio.

^e TSM Zanakondrin'

Andriamanitra.

7a 3 Ne. 29:6-7.

^b 2 Tan. 12:7-10;

Fp. 1:7.

8 Indro, lazaiko aminareo, izay mandà ireo zavatra ireo dia tsy mahalala ny “filazantsaran’ i Kristy; eny, tsy namaky ny soratra masina izy; raha namaky izy, dia tsy ^bazony izany.

9 Satria moa tsy vakintsika fa Andriamanitra no “tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ary ao Aminy dia tsy misy fiovaovana na aloky ny fiovana?

10 Ary ankehitriny, raha efa nosaintsaininareo ho an’ ny tenanareo ny andriamanitra iray izay miovaova, ary izay misy aloky ny fiovana ao aminy, amin’ izany dia efa nosaintsaininareo ho an’ ny tenanareo ny andriamanitra iray izay tsy Andriamanitra ny fahagagana.

11 Nefa indro, hasehoko anareo ny Andriamanitra ny fahagagana, dia ny Andriamanitr’ i Abrahama sy ny Andriamanitr’ i Isaka ary ny Andriamanitr’ i Jakoba; ary Izy ihany no Ilay “Andriamanitra izay nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavadrehetra izay eo aminy.

12 Indro, nahary an’ i Adama Izy, ary tamin’ ny alalan’ i “Adama no niavian’ ny ^bfahalavoan’ ny olona; ary noho ny fahalavoan’ ny olona dia tonga i Jesoa Kristy, dia ny Ray sy ny Zanaka; ary noho i Jesoa Kristy dia tonga ny “fanavotana ny olona.

13 Ary noho ny fanavotana ny olona, izay tonga tamin’ ny alalan’ i Jesoa Kristy, diaentina izy hiverina eo anatrehan’ ny Tompo; eny, amin’ izany no anavotana ny olon-drehetra, satria ny fahafatesan’ i Kristy dia manatanteraka ny “fitsanganana amin’ ny maty, izay manatanteraka ny fanavotana avy ao amin’ ny ^btorimaso tsisy fiasarany, avy ao amin’ ny torimaso izay hamohazan’ ny herin’ Andriamanitra ny olon-drehetra rehefa haneno ny trompetra; ary hivoaka izy ireo, na kely na lehibe, ary ny rehetra dia hijoro eo anoloan’ ny fitsarany rehefa navotana sy novahana tamin’ ny “famatorana mandrakizain’ ny fahafatesana, dia ny fahafatesan’ ny nofo.

14 Ary tonga eo aminy amin’ izany ny “fitsaran’ ny Iray Masina; ary tonga amin’ izany ny fotoana ka izay ^bmaloto dia mbola haloto; ary izay marina dia mbola ho marina; izay sambatra dia mbola ho sambatra; ary izay tsy sambatra dia mbola tsy ho sambatra.

15 Ary ankehitriny, Ô ianareo rehetra izay efa nisaintsaina ho an’ ny tenanareo andriamanitra iray izay “tsy afa-manao fahagagana, te hanontany anareo aho, efa nitranga va ireo zavatra rehetra izay efa noteneniko ireo?

8a TSM Filazantsara.

b Mat. 22:29.

9a Heb. 13:8;

1 Ne. 10:18–19;

Almà 7:20;

Môrô. 8:18;

F&F 20:12.

11a Gen. 1:1; Môsià 4:2;

F&F 76:20–24.

TSM Jesoa Kristy.

12a Môsià 3:26.

b TSM Fahalavoan’ i

Adama sy i Eva.

d TSM Fanavotana.

13a Hel. 14:15–18.

b F&F 43:18.

d F&F 138:16.

14a TSM Fitsarana

Farany, Ny.

b Almà 7:21;

F&F 88:35.

15a Môrô. 7:35–37;

F&F 35:8.

TSM Fahagagana.

Efa tonga sahady va ny farany? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; ary Andriamanitra dia tsy mitsahatra ny ho Andriamanitry ny fahagagana.

16 Indro, moa ny zavatra izay efa nataon' Andriamanitra va tsy mahatalanjona eo imason-tsika? Eny, ary iza no mahatakatra ny "asa mahatalanjon' Andriamanitra?

17 Iza no hilaza fa tsy fahagagana, raha noho ny "teniny dia nisy ny lanitra sy ny tany; ary noho ny herin' ny teniny dia ^bnohariana avy tamin' ny ^dvo-voky ny tany ny olona; ary noho ny herin' ny teniny no efa nahavitana fahagagana?

18 Ary iza no hilaza fa i Jesoa Kristy dia tsy nanao "fahagagana lehibe maro? Ary nisy fahagagana lehibe maro nataon' ny tanan' ny apostoly.

19 Ary raha nisy "fahagagana vita tamin' izany, nahoana Andriamanitra no efa nitsahatra ny ho Andriamanitry ny fahagagana kanefa dia mijanona ho Ilay tsy miova? Ary indro, lazaiko aminareo, tsy miova Izy; raha tsy izany dia ho nitsahatra ny ho Andriamanitra Izy; ary tsy mitsahatra ny ho Andriamanitra Izy, sady Andriamanitry ny fahagagana.

20 Ary ny antony itsaharany amin' ny fanaovana "fahagagana eo anivon' ny zanak' olombelo-

na dia noho izy ireo mihemotra ao amin' ny tsy finoana sy miala amin' ny lala-mahitsy ary tsy mahafantatra ny Andriamanitra izay tokony ^bhitokiany.

21 Indro, lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no mino an' i Kristy, tsy miroanahana akory, "na inona na inona hangatahiny ny Ray amin' ny anaran' i Kristy, dia hotovina aminy izany; ary izany fampanantenana izany dia ho an' ny rehetra, ho an' ny faran' ny tany.

22 Fa indro, izao no nolazain' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, tamin' ny mpianany, izay tokony hitoetra, eny, ary koa tamin' ny mpianany rehetra, ho ren' ny valalabe-mandry: "Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo, ary mitoria ny filazantsara amin' ny olona rehetra;

23 Ary izay mino sy atao batisa no hovanjena, fa izay tsy mino kosa no "hohelohina;

24 Ary izao no "famantarana hanaraka izay mino—amin' ny anarako no handroahany ^bdevoly; hiteny amin' ny fiteny vaovao izy; handray menarana izy; ary raha misotro zavatra mahafaty izy, dia tsy hanimba azy izany; hametra-^dtanana amin' ny marary izy dia ho sitrana ireny;

25 Ary na zovy na zovy no hino ny anarako, tsy miroana-

16a Sal. 40:5; F&F 76:114; Mos. 1:3–5.

17a Jakôba 4:9.
^b TSM Fahariana.

^d Gen. 2:7; Môsià 2:25.

18a Jao. 6:14.

19a F&F 63:7–10.

20a Mpits. 6:11–13; Etera 12:12–18; Môrô. 7:35–37.

^b TSM Matoky.

21a Mat. 21:22;

3 Ne. 18:20.

22a Mar. 16:15–16.

TSM Asa Fitoriana.

23a TSM Fahamelohana.

24a Mar. 16:17–18.

TSM Famantarana.

^b Asa 16:16–18.

^d TSM Fitsofan-drano ny Marary.

hana akory, dia izy no “hana-mafisako ny teniko rehetra, hatrany am-paran’ ny tany.

26 Ary ankehitriny, indro, izao no afaka manohitra ny asan’ ny Tompo? “Iza no afaka mandà ny filazany? Iza no hitsangana hanohitra ny hery tsitohan’ ny Tompo? Iza no hanamavo ny asan’ ny Tompo? Iza no hanamavo ireo zanak’ i Kristy? Indro, ianareo rehetra izay ^bmpanaratsy ny asan’ ny Tompo, fa hitalanjona sy ho faty ianareo.

27 Ô amin’ izany, aza manamavo, aza mitalanjona, fa henoy kosa ny tenin’ ny Tompo, ary angataho amin’ ny anaran’ i Jesoa ny Ray ho an’ izay zavatra rehetra hilainareo. Aza miroanahana, fa minoa kosa, ary atombohy toy ny tamin’ ny fotoana fehizay, ary ^amanatona ny Tompo amin’ ny ^bfonareo manontolo, ary ^dmilofosa ho amin’ ny famonjena anareo miaraka amin’ ny tahotra sy hovitra eo Anoloany.

28 “Hendre amin’ ny andron’ ny fizahan-toetra anareo; esory amin’ ny tenanareo ny tsy fahadiovana rehetra; aza mangataka mba hahazoanareo mandany izany amin’ ny ^bfilanareo, fa mangataka kosa amin’ ny fiorenana tsy voahozongozona mba tsy hanekenareo ny fakampahy, fa mba hanompoanareo

kosa ny ^dAndriamanitra velona sy marina.

29 Tandremo sao dia atao batisa ^atsy amim-pahamendrehana ianareo; tandremo sao dia mandray amin’ ny Fanasan’ ny Tompo Kristy ^btsy amim-pahamendrehana ianareo; fa ezaho kosa ny hanao ny zava-drehetra ^damim-pahamendrehana, ary ataovy izany amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra velona; ary raha manao izany ianareo ary maharitra hatramin’ ny farany, dia tsy horoahina any ivelany mihitsy ianareo.

30 Indro, miteny aminareo miova tsy ny ^amiteny avy amin’ ny maty aho; satria fantatro fa hanana ny teniko ianareo.

31 Aza manameloka ahy noho ny ^atsy fahatanterahako, na ny raiko, noho ny tsy fahatanterahiny, na ireo izay efa nanoratra teo alohany; fa aleo kosa manati-tsaotra an’ Andriamanitra fa Izy no efa naneho taminareo ny tsy fahatanterahanay mba hahazoanareo mianatra ny ho hendry kokoa noho izahay.

32 Ary ankehitriny, indro, efa nosoratanay ity rakitsoratra ity araka ny fahalalanay, tamin’ ny endri-tsoratra izay antsoina eo anivonay hoe, Egyptiana ^anohavaozina, izay nifanolorana

25a TSM Fanambarana; Fijoroana ho Vavolombelona.

26a 3 Ne. 29:4–7.
b Ohab. 13:13.

27a Môrô. 10:30–32.
b Jos. 22:5;
F&F 64:22, 34.

TSM Fo.
d Filip. 2:12.
28a Jakôba 6:12.

b TSM Mitsiriritra.
d Almà 5:13.

29a TSM Batisa—Toetra takiana amin’ ny batisa.

b 2 Tan. 11:27–30;
3 Ne. 18:28–32.
d TSM Mendrika.

30a Môrm. 8:26;
Môrô. 10:27.

31a Môrm. 8:17;
Etera 12:22–28, 35.
32a 1 Ne. 1:2; Môsià 1:4.

ary novanay, araka ny fombam-pitenenanay.

33 Ary raha toa ka ampy ny haben' ny takelakay dia ho efa nanoratra tamin' ny teny Hebreo izahay; nefa ny teny Hebreo dia efa novanay koa; ary raha afaka nanoratra tamin' ny teny Hebreo izahay, dia indro, tsy ho nanana ny tsy fahatante-rahana teo amin' ny rakitsoratra-ianareo.

34 Nefa mahalala ny zavatra izay efa nosoratanay ny Tompo, ary koa tsy misy vahoaka hafa mahalala ny fiteninay; ary satria tsy misy vahoaka hafa mahalala ny fiteninay, noho izany Izy dia efa nanomana "fitaovana ho fandikana izany.

35 Ary ireto zavatra ireto dia soratana mba hahazoanay ma-

naisotra amin' ny fitafianay ny ran' ny rahalahinay, izay efa nihemotra tao amin' ny "tsy finoana.

36 Ary indro, ireto zavatra ireto izay efa "nirinay momba ny rahalahinay, eny, dia ny fampodiana azy ho amin' ny fahalalana an' i Kristy, dia araka ny vavaky ny olomasina rehetra izay efa nonina teo amin' ny tany.

37 Ary enga anie hotovin' i Jesoa Kristy Tompo ny hahazoa-na mamaly ny fivavany araka ny finoany; ary enga anie Andriamanitra Ray ka hahatsiaro ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary enga anie Izy ka hitahy azy mandrakizay, amin' ny alalan' ny finoana ny anaran' i Jesoa Kristy. Amena.

NY BOKIN' I ETERA

Ny rakitsoratra ny Jarèdita, nalaina avy tamin' ny takelaka efatra amby roapolo hitan' ny vahoakan' i Limia tamin' ny andron' i Môsià mpanjaka.

TOKO 1

Namintina ny soratr' i Etera i Môrônia — Aroso etoana ny teti-ran' i Etera — Tsy voakorokoro ny fitenin' ny Jarèdita tao amin' ny Tilikambon' i Babela — Nampanantena ny hitarika azy any amin' ny tany nofinidy ny Tompo ary ny hahatonga azy ho firenena lehibe.

ARY ankehitriny, izaho "Môrônia dia miroso amin' ny fanomezana ny tantaran' ireo mponina fahagola ireo izay efa nofongoran' ny ^btanana' ny Tompo tao amin' ny lafin' ity tany avaratra ity.

2 Ary ny fitantarako dia alaiko avy amin' ny "takelaka efatra amby roapolo izay hitan' ny

34a Môsià 8:13–18;
Etera 3:23, 28;

F&F 17:1.

35a 2 Ne. 26:15.

36a Môrm. 8:24–26;
F&F 10:46–49.

[ETERA]

1 1a TSM Môrônia,

Zanakalahin' i
Môrmôna.

b Môrm. 5:23; F&F 87:6–7.
2a Almà 37:21; Etera 15:33.

vahoakan' i Limia, izay antsoina hoe ny Bokin' i Etera.

3 Ary satria heveriko fa ny ampahany voalohany amin' ity rakitsoratra ity, izay miresadresaka momba ny nahariana izao tontolo izao, ary koa ny amin' i Adama sy ny fitantarana hatramin' izany fotoana izany ka hatramin' ny "tilikambo lehibe, ary na inona na inona zavatra izay nitranga teo anivon' ny zanak' olombelona hatramin' izany fotoana izany dia efa ananan' ny Jiosy —

4 Noho izany dia tsy soratako ireny zavatra ireny izay nitranga hatramin' ny andron' i "Adama ka hatramin' izany fotoana izany; fa efa eo amin' ny takelaka kosa ireny; ary na zovy na zovy no mahita ireny, dia izy no hanana ny fahefana mba hahazoany ny fitantarana feno.

5 Nefa indro, tsy omeko ny fitantarana feno, fa ny ampahany amin' ny fitantarana no omeko, hatreo amin' ny tilikambo ka hatramin' ny nahafongana azy ireo.

6 Ary toy izao no anomezako ny fitantarana. Izy izay nanoratra ity rakitsoratra ity no i "Etera, ary tamin' i Kôriantôra izy.

7 I Kôriantôra dia zanakalahin' i Môrôna.

8 Ary i Môrôna dia zanakalahin' i Etema.

9 Ary i Etema dia zanakalahin' i Ahà.

10 Ary i Ahà dia zanakalahin' i Sèta.

11 Ary i Sèta dia zanakalahin' i Siblôna.

12 Ary i Siblôna dia zanakalahin' i Kôma.

13 Ary i Kôma dia zanakalahin' i Kôriantoma.

14 Ary i Kôriantoma dia zanakalahin' i Amnigadà.

15 Ary i Amnigadà dia zanakalahin' i Aharôna.

16 Ary i Aharôna dia tamin' i Heta izay zanakalahin' i Heartôma.

17 Ary i Heartôma dia zanakalahin' i Liba.

18 Ary i Liba dia zanakalahin' i Kisy.

19 Ary i Kisy dia zanakalahin' i Kôrôma.

20 Ary i Kôrôma dia zanakalahin' i Lèvy.

21 Ary i Lèvy dia zanakalahin' i Kima.

22 Ary i Kima dia zanakalahin' i Môriantôna.

23 Ary i Môriantôna dia tamin' i Riplakisa.

24 Ary i Riplakisa dia zanakalahin' i Seza.

25 Ary i Seza dia zanakalahin' i Heta.

26 Ary i Heta dia zanakalahin' i Kôma.

27 Ary i Kôma dia zanakalahin' i Kôriantoma.

28 Ary i Kôriantoma dia zanakalahin' i Emera.

29 Ary i Emera dia zanakalahin' i Ômera.

30 Ary i Ômera dia zanakalahin' i Solè.

31 Ary i Solè dia zanakalahin' i Kiba.

32 Ary i Kiba dia zanakalahin' i Ôrihà, izay zanakalahin' i Jarèda;

33 Dia i “Jarèda izay nivoaka niaraka tamin’ ny rahalahiny sy ny mpianakaviny, niaraka tamin’ ny sasany sy ny mpianakaviny, avy tao amin’ ny tilikambo lehibe, tamin’ ny fotoana izay ^bnanorokoroan’ ny Tompo ny fitenin’ ny vahoaka, ary nianianany tao amin’ ny fahatezerany fa haely patrana eran’ ny “lafiny rehetra amin’ ny tany izy; ary araka ny tenin’ ny Tompo dia naely patrana ny vahoaka.

34 Ary ny “rahalahin’ i Jarèda dia lehilahy vaventy sy mahery, ary lehilahy nankasitrahan’ ny Tompo fatratra tokoa, ka hoy i Jarèda rahalahiny taminy: Mitalahoa amin’ ny Tompo mba tsy hanorokoroany antsika ka hahatonga antsika tsy hifankahazo teny.

35 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin’ ny Tompo ny rahalahin’ i Jarèda, ary nanana fangorahana an’ i Jarèda ny Tompo, koa tsy nanorokoro ny fitenin’ i Jarèda Izy; ary tsy nokorokoroana i Jarèda sy ny rahalahiny.

36 Tamin’ izany dia hoy i Jarèda tamin’ ny rahalahiny: Mitalahoa indray amin’ ny Tompo, ary enga anie Izy hampihodina ny fahatezerany hiala amin’ ireo izay namantsika, ka tsy hokorokoroany ny fitenin’.

37 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin’ ny Tompo ny rahalahin’ i Jarèda, ary nanana fangorahana ny namany sy ny

mpianakaviny koa ny Tompo, ka dia tsy nokorokoroana izy ireo.

38 Ary ny zava-nitranga dia niteny indray tamin’ ny rahalahiny i Jarèda, hoe: Mandehana ary anontanio ny Tompo raha horoahiny isika hivoaka ny tany, ary raha horoahiny isika hivoaka ny tany dia mitalahoa Aminy hoe aiza no halehantsika. Ary iza no mahalala raha mba hontin’ ny Tompo isika hankamin’ ny tany izay “finidy ambonin’ ny tany rehetra? Ary raha toa ka izany dia aoka isika ho mahatoky amin’ ny Tompo, mba hahazoantsika mandray izany ho lovantsika.

39 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin’ ny Tompo ny rahalahin’ i Jarèda, araka izay efa notenenin’ ny vavan’ i Jarèda.

40 Ary ny zava-nitranga dia nandre ny rahalahin’ i Jarèda ny Tompo ary nanana fangorahana azy, ary hoy Izy taminy:

41 Mandehana ary angony miaraka ny bibinao isan-karazany, na lahy na vavy; ary koa ny voa amin’ ny tany isan-karazany; ary ny “ankohonanao; ary koa i Jarèda rahalahinao sy ny ankohonany; ary koa ny ^bnamanao sy ny ankohonany, ary ny naman’ i Jarèda sy ny anko-honany.

42 Ary rehefa vitanao izany dia “handeha eo alohany ianao hidina ao an-dohasaha izay ao andafiavaratra. Ary ao no hihonako aminao, ary Izaho han-

33a TSM Jarèda.
b Gen. 11:6–9.
d Môsià 28:17.
34a TSM Jarèda,

Ralahahin’ i.
38a TSM Tany
Nampantanenaina.
41a Etera 6:20.

b Etera 6:16.
42a 1 Ne. 2:1–2;
Abr. 2:3.

deha ^beo alohano hankamin' ny tany izay ^dfinidy ambonin' ny tany rehetra amin' ny tany.

43 Ary any no hitahiako anao sy ny taranakao, ary hananganako firenena lehibe iray ho Ahy avy amin' ny taranakao sy avy amin' ny taranaky ny rahalahinao ary avy amin' ireo izay handeha hiaraka aminao. Ary tsy hisy ho lehibe kokoa noho ny firenena izay hatsangako ho Ahy avy amin' ny taranakao eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany. Ary dia toy izany no hataoko aminao noho ity fotoana lava ity izay efa nitalahoanao Tamiko.

TOKO 2

Niomana ho amin' ny diany mankamin' ny tany nampanantenaina ny Jarèdita—Tany finidy izany izay tsy maintsy anompoan' ny olona an' i Kristy na ho fongana—Niresaka tamin' ny rahalahin' i Jarèda mandritra ny ora telo ny Tompo—Nanamboatra sambo ny Jarèdita—Nangataka ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo hamosakevitra ny amin' ny fomba hana-zavana ny sambo.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha nidina tao an-dohasaha izay tao andafiavaratra i Jarèda sy ny rahalahiny ary ny anko-honany, ary koa ny naman' i Jarèda sy ny rahalahiny ary ny ankohonany, (ary ny anaran' ny lohasaha dia i ^aNimrôda, rehefa

nantsoina araka ilay mpihaza mahery) niaraka tamin' ny bibiny izay efa nangoniny niaraka, isaky ny karazany avy, lahy sy vavy.

2 Ary novelariny koa ny fandrika ary nosamboriny ny voromanidin' ny habakabaka; ary nomaniny koa ny tavy iray, tao amin' izany no nitondrany hazandrano niaraka taminy.

3 Ary nentiny niaraka taminy koa ny desereta izay midika ho renintantely; ary dia toy izany no nitondrany niaraka taminy andian-drenintantely sy ny karazany rehetra tamin' izay nisy tambonin' ny tany, voa isankarazany.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa nidina tao an-dohasahan' i Nimrôda izy ireo, dia nidina ny Tompo ary niresaka tamin' ny rahalahin' i Jarèda; ary tao amin' ny ^arahona Izy, ary tsy nahita Azy ny rahalahin' i Jarèda.

5 Ary ny zava-nitranga dia nandidy azy ireo ny Tompo ny handehanany mankany an-tany foana, eny, mankamin' ilay fari-tra izay tsy nisy olona na oviana na oviana. Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo alohany ny Tompo ary niresaka taminy raha nijoro tao amin' ny ^arahona Izy, ary nanoro ny lalana izay tokony hizarany.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany an-tany foana izy ireo ary namboatra sambo izay nitany rano maro rehefa

42b F&F 84:88.
d 1 Ne. 13:30.
2 1a Gen. 10:8.

4a Nom. 11:25;
F&F 34:7–9;
JS—T 1:68.

5a Eks. 13:21–22.

notarihin' ny tanan' ny Tompo lalandava.

7 Ary tsy tian' ny Tompo ny hamela azy ireo hijanona any ankoatra ny ranomasina any an-tany foana, fa mba tiany kosa ny handehanany hatrany amin' ny "tany nampanantenaina, izay nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra, izay efa notehirizin' ny Tompo Andriamanitra ho an' ny vahoaka marina.

8 Ary efa nianiana tao amin' ny fahatezerany tamin' ny rahalahin' i Jarêda Izy, fa na zovy na zovy no hizaka ity tany nampanantenaina ity, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay, dia "hanompo Azy, Ilay Andriamanitra marina sy tokana, na ^bhafaohina izy rehefa ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany.

9 Ary ankehitriny isika dia afaka mijery ny didin' Andriamanitra momba ity tany ity, fa tany nampanantenaina izany; ary na zovy na zovy firenena hizaka izany dia hanompo an' Andriamanitra izy na hafaohina rehefa ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany. Ary ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany rehefa masaka ao amin' ny heloka izy.

10 Satria indro, izany dia tany izay finidy ambonin' ny tany hafa rehetra; koa izay mizaka izany dia hanompo an' Andriamanitra na hafaohina; fa izany no didin' Andriamanitra maha-

ritra mandrakizay. Ary raha tsy amin' ny "fahafenoan' ny heloka eo anivon' ny zanaky ny tany, dia tsy ^bfaohina izy.

11 Ary tonga aminareo izany, Ô ianareo ry "Jentilisa, mba hahafantaranao ny didin' Andriamanitra — mba hahazoanareo mibebaka ka tsy manohy ao amin' ny helokareo mandrapahatongan' ny fahafenoana, mba tsy hahazoanareo mampianjera ny fahafenoan' ny fahatezeran' Andriamanitra aminareo toy ny efa nataon' ny mponin' ny tany hatrizao.

12 Indro, izany dia tany finidy, ary na zovy na zovy firenena hizaka izany, dia ho "afaka amin' ny fanandevozana sy amin' ny fahababoana ary amin' ny firenen-kafa rehetra ambainin' ny lanitra izy raha ^bhanompo ny Andriamanitra ny tany, dia i Jesoa Kristy izay efa nasehon' ny zavatra izay efa nosoratanay.

13 Ary ankehitriny aho dia manohy ny rakitsoratro; fa indro, ny zava-nitranga dia nentin' ny Tompo i Jarêda sy ireo rahalahiny hankeo amin' ity ranomasina lehibe ity izay manasaraka ny tany. Ary raha tonga teo amin' ny ranomasina izy ireo dia nanangana ny lainy; ary nantsoiny hoe Môriankomera ny anaran' ny toerana; ary nonina tao anaty lay izy ireo, sady nonina tao anaty lay teo amoron-dranomasina mandritra ny efa-taona.

7a 1 Ne. 4:14.
TSM Tany
Nampanantenaina.
8a Etera 13:2.

b Jarôma 1:3, 10;
Almà 37:28;
Etera 9:20.
10a 2 Ne. 28:16.

b 1 Ne. 17:37–38.
11a 2 Ne. 28:32.
12a TSM Fahalahana.
b Isa. 60:12.

14 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiafaran' ny efa-taona dia tonga indray teo amin' ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo ary nijoro tao amin' ny rahona sy niresaka taminy. Ary nandritra ny ora telo no niresahan' ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda sy "nandevileveny azy noho izy tsy nahatsiaro ny ^bhiantso ny anaran' ny Tompo.

15 Ary nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony ny rahalahin' i Jarèda ary niantso ny anaran' ny Tompo ho an' ireo rahalahiny izay niaraka taminy. Ary hoy ny Tompo taminy: Izaho hamela anao sy ireo rahalahinao amin' ny fahotany; nefa tsy hanota intsony ianao, fa hotsarovananareo kosa fa ny "Fanahiko dia tsy ^bhitaona mandrakariva ny olona; koa raha manota ianareo mandra-pahamasaka anareo tanteraka, dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo ianareo. Ary izany no eritreritro ny amin' ny tany izay homeko anareo ho lovanareo; fa izany dia ho tany "finidy ambonin' ny tany hafa rehetra.

16 Ary hoy ny Tompo: Mandehana miasa sy manamboatra araka ny fomban' ny sambofiara izay efa namboarinareo hatri-zao. Ary ny zava-nitranga dia nandeha niasa ny rahalahin' i Jarèda sy ireo rahalahiny ary nanamboatra sambofiara araka ny fomba izay efa nanamboara-ny izany, araka ny "torolalan' ny Tompo. Ary kely izy ireny ary

maivana teny ambonin' ny rano, dia tahaka ny hamaivanan' ny voromanidina eny ambonin' ny rano.

17 Ary namboarina izy ireny araka ny fomba izay "nampifanizina izaitsizy tokoa azy ireny, hany ka nitan-drano izy ireny tahaka ny lovia; ary ny fanambaniny dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny rindriny dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny tendrony dia tsokitsoky; ary ny tampony dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny halavany dia ny halavan' ny hazo iray; ary ny varavarany, rehefa narindrina, dia nifanizina tahaka ny lovia.

18 Ary ny zava-nitranga dia niantso ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, nanao hoe: Tompo ô, efa notontosaiako ny asa izay efa nandidiana ahy, ary efa nataoko ny sambofiara araka izay efa natoronao ahy.

19 Ary indro, Tompo ô, ao anatin' dia tsy misy hazavana; mankaiza izahay no hanamory? Ary ho faty koa izahay, fa ao anatin' dia tsy afaka mifoka afa-tsy ny rivotra izay ao anatin' izahay; koa ho faty izahay.

20 Ary hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Indro, hanao lavaka amin' ny tampony ary koa amin' ny fanambaniny ianao; ary rehefa mijaly noho ny tsy fahampian-drivotra ianao, dia hosokafanao ny lavaka, ary hahazo rivotra ianao. Ary raha toa ka miditra ao aminao ny rano, dia indro, hosaronanao ny

14a TSM Famaizana.

^b TSM Vavaka.

15a Etera 15:19.

b Gen. 6:3;

2 Ne. 26:11;

Môrm. 5:16.

d Etera 9:20.

16a 1 Ne. 17:50–51.

17a Etera 6:7.

lavaka mba tsy hahafaty anao amin' ny alon-drano.

21 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny rahalahin' i Jarèda izany, araka izay efa nandidian' ny Tompo azy.

22 Ary niantso ny Tompo indray izy, nanao hoe: Tompo ô, indro efa nataoko toy ny efa nandidianao ahy; ary efa nanomana ny sambo ho an' ny oloko aho, ary indro tsy misy hazavana ao anatiny. Indro, Tompo ô, avelanao va ny hitanay ity rano lehibe ity ao amin' ny haizina?

23 Ary hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Inona no tianao hataoko mba hanananareo hazavana ao amin' ny sambonareo? Fa indro, tsy mety ny hanananareo varavarankely, fa ho potipotika izany; tsy haka afo hiaraka aminareo koa ianareo, satria tsy handeha amin' ny hazavan' ny afo ianareo.

24 Fa indro, ho tahaka ny trozona eo afovoan' ny ranomasina ianareo; fa hiantoraka aminareo ny tendrombohitr' onja. Kanefa, Izaho hitondra anareo hiakatra indray avy ao amin' ny halalin' ny ranomasina; fa ny "rivotra dia efa nivoaka niala ny vavako, ary ny ^branonorana sy ny alon-drano koa dia efa nalefako.

25 Ary indro, manomana anareo hiatrika izany zavatra izany Aho; fa tsy afaka mita ity hantsana lehibe ity ianareo raha tsy omaniko ianareo hiatrika ny onjan-dranomasina, sy ny rivotra izay efa nivoaka ary ny alon-drano izay ho avy. Koa inona no

tianareo homaniko ho anareo mba hanananareo hazavana rehefa voatelina ao amin' ny halalin' ny ranomasina ianareo?

TOKO 3

Nahita ny rantsan-tanan' ny Tompo nikasika ny vato enina ambin' ny folo ny rahalahin' i Jarèda — Naneho ny vatany fanahy tamin' ny rahalahin' i Jarèda i Kristy — Ireo izay manana fahalahana tomombana dia tsy ho azo tanana any ivelan' ny voaly — Nampombana ny fandikan-teny hitondrana ny rakitsoratra ny Jarèdita ho eo amin' ny mazava.

ARY ny zava-nitranga (ankehitriny ny isan' ny sambofiara izay efa nomanina dia valo) dia nandeha ny rahalahin' i Jarèda nankao an-tendrombohitra izay nantsoina hoe tendrombohitr' i Selema noho ny haavony izaitsizy, ary narendrika vato kely enina ambin' ny folo avy tamin' ny vatolampy iray; ary ireny dia fotsy sy mazava, dia tahaka ny fitaratra mangarahara; ary nitondra ireny tamin' ny tanany teo an-tampon-tendrombohitra izy ary nihiaka indray ny Tompo hoe:

2 Tompo ô, efa niteny Ianao fa tsy maintsy hodidinin' ny alon-drano izahay. Ankehitriny indro, Tompo ô, ary aza tezitra amin' ny mpanomponao noho ny fahalemeny eo anoloanao; satria fantatray fa masina Ianao sy mitoetra any an-danitra, ary

izahay dia tsy mendrika eo anoloanao; noho ny “fahalavaoana dia efa zary ratsy lalandava ny ^btoetray; na dia eo aza izany, Tompo ô, efa nomenao anay ny didy fa tsy maintsy miantso Anao izahay mba hahazoanay mandray avy Aminao araka ny fanirianay.

3 Indro, Tompo ô, efa nika-poka anay Ianao noho ny helokay ary efa nandroaka anay, ary nandritra izay taona maro izay izahay dia tany an-tany foana; na dia teo aza izany, dia efa “feno famindram-po taminay Ianao. Tompo ô, jereo ao amin’ ny famindram-po aho, ary ahodino ny fahatezeranao hiala amin’ ity vahoakanao ity, ary aza avela handeha mamakivaky ity hantsana romotra ity ao amin’ ny haizina izy; fa indro jereo ireto zavatra ireto izay efa narendriko avy tao amin’ ny vatolampy.

4 Ary fantatro, Tompo ô, fa manana ny “hery rehetra Ianao, ary afaka manao izay rehetra sitrakao ho tombon-tsoan’ ny olona; noho izany Tompo ô, kasiho amin’ ny rantsan-tananao ireto vato ireto ary omano ireto mba hahazoany mamirapiratra ao amin’ ny haizina; ary ireto dia hamirapiratra ho anay ao amin’ ny sambofiara izay efa nomaninay mba hanananay hazavana raha mbola mita ny ranomasina izahay.

5 Indro, Tompo ô, afaka manao

izany Ianao. Fantatray fa hainao ny maneho ny herinao lehibe izay “heverina ho madinika ho an’ ny fahatakarana’ ny olona.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny rahalahin’ i Jarèda, dia indro, naninjitra ny tanany ny “Tompô ary nikasika tsirairay ny vato tamin’ ny rantsan-tanany. Ary ny ^bvoaly dia nesorina hiala tamin’ ny mason’ ny rahalahin’ i Jarèda, ary nahita ny rantsan-tanan’ ny Tompo izy; ary izany dia toy ny rantsan-tanan’ olona, sahala amin’ ny nofo sy ra; ary nianjera teo anoloan’ ny Tompo ny rahalahin’ i Jarèda, fa nozoin’ ny tahotra izy.

7 Ary nahita ny Tompo fa efa nianjera tamin’ ny tany ny rahalahin’ i Jarèda; ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangàna, na hoana ianao no nianjera?

8 Ary hoy izy tamin’ ny Tompo: Nahita ny rantsan-tanan’ ny Tompo aho, ary natahotra aho fandrao hikapoka ahy Izy; satria tsy nahalala aho fa nanana nofo sy ra ny Tompo.

9 Ary hoy ny Tompo taminy: Noho ny finoanao no efa nahitanao fa hitondra ny “nofo sy ra eo Amiko Aho; ary na oviana na oviana ny olona dia tsy tonga teo anoloako niaraka tamin’ ny finoana nihoa-pampana tokoa toy izay anananao; fa raha tsy izany dia tsy ho afaka nahita ny rantsan-tanako ianao. Hitanao va ny mihoatra noho izany?

3 2a TSM Fahalavaon’ i Adama sy i Eva.
b Môsià 3:19.
3a Etera 1:34–43.

4a TSM Hery.
5a Isa. 55:8–9;
1 Ne. 16:29.
6a TSM Jesoa Kristy.

b Etera 12:19, 21.
9a TSM Nofo; Jesoa Kristy; Mety Maty.

10 Ary namaly izy: Tsia; ry Tompo, asehoay ahy ny tenanao.

11 Ary hoy ny Tompo taminy: Inoanao va ny teny izay hote-neniko?

12 Ary namaly izy: Eny, ry Tompo, fantatro fa milaza ny marina Ianao, fa Ianao dia Andriamanitry ny fahamarinana, ary "tsy afaka mandainga.

13 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia indro, "naneho ny tenany taminy ny Tompo ary nanao hoe: ^bNoho ianao mahalala ireo zavatra ireo dia avotana amin' ny fahalavoana ianao; noho izany ianao dia entina miverina eo anatrehako; koa ^dmaneho ny tenako aminao Aho.

14 Indro, Izaho no Ilay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao mba "hanavotra ny oloko. Indro, Izaho no Jesoa Kristy. Izaho no ^bRay sy Zanaka. Ao Amiko no hana-nan' ny olona rehetra ^dfiainana, ary izany dia mandrakizay, dia ireo izay hino ny anarako; ary ho tonga "zanako lahy sy vavy ireo.

15 Ary na oviana na oviana Aho dia tsy naneho ny tenako tamin' ny olona izay efa noharia-ko, satria na oviana na oviana ny olona dia "tsy nino Ahy toy ny ninoanao. Hitanao va fa iana-reo dia voary araka ny ^bendriko ihany? Eny, ny olona rehetra

tany am-piandohana dia noharia-na araka ny endriko ihany.

16 Indro, ity vatana izay tazanao ankehitriny ity, dia ny vatan' ny "fanahiko; ary ny olona dia efa noharia-ko araka ny vatan' ny fanahiko; ary dia taha-ka ny isehoako aminao ao amin' ny fanahy no hisehoako amin' ny oloko ao amin' ny nofo.

17 Ary ankehitriny, satria izaho Môrônia dia nilaza fa tsy afaka manao fitantarana feno ny amin' ireny zavatra ireny izay voasoratra, koa ampy ho ahy ny milaza fa i Jesoa dia naneho ny tenany tao amin' ny fanahy tamin' ity lehilahy ity, dia araka ny fomba sy tamin' ny fitovian' ny vatana iray ihany, dia tahaka ny "nanehoany ny tenany tamin' ny Nefita.

18 Ary nanompo azy Izy, taha-ka ny nanompoany ny Nefita; ary izany rehetra izany dia ny mba hahafantaran' ity lehilahy ity fa Andriamanitra Izy, noho ny asa lehibe maro izay nasehon' ny Tompo taminy.

19 Ary noho ny fahalalan' ity lehilahy ity dia tsy azo notanana izy tsy hahita ny ao anatin' ny "voaly; ary nahita ny rantsan-tanan' i Jesoa izy, ka nony nahita izy dia nianjera tamin-tahotra; satria nahalala izy fa rantsan-tanan' ny Tompo io; ary tsy fi-noana intsony no nananany, fa

12a Heb. 6:18.

13a F&F 67:10-11.

^b Enôsa 1:6-8.

^d TSM Jesoa Kristy—
Fisian' i Kristy
talohan' ny
nahatongavany
teto an-tany.

14a TSM Fanavotana;
Mpanavotra.

^b Môsià 15:1-4.

^d Môsià 16:9.

^e TSM Zanakalahy
sy Zanakavavin'
Andriamanitra.

15a TSM Finoana.

^b Gen. 1:26-27;

Môsià 7:27;

F&F 20:17-18.

16a TSM Fanahy.

17a 3 Ne. 11:8-10.

19a TSM Voaly.

nahalala izy, tsy niroanahana na tamin' inona na tamin' inona.

20 Koa, noho ny fananana izany fahalalana tomombana ny amin' Andriamanitra izany, dia “tsy azo notanana tany ivelan' ny voaly izy; noho izany dia nahita an' i Jesoa izy; ary Izy dia nanompo azy.

21 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Indro, tsy hamela ireo zavatra izay efa hitanao sy renao ireo hiparitaka eo amin' izao tontolo izao ianao, mandrapahatongan' ny “fotoana izay hankalazako ny anarako ao amin' ny nofo; noho izany dia holalainao ny zavatra izay efa hitanao sy renao, ary tsy hasehonao olona izany.

22 Ary indro, rehefa ho tonga atỳ Amiko ianao, dia hanoratra ireo sy hifehy ireo, ka tsy hisy afaka handika azy ireo; fa hosoratanao amin' ny fiteny izay tsy hay vakiana ireo.

23 Ary indro, homeko anao ireto “vato roa ireto, ary hofehezinao koa ireto miaraka amin' ny zavatra izay hosoratanao.

24 Fa indro, ny fiteny izay hosoratanao dia efa nokoroko-roako; koa amin' ny fotoana mahamety izany Amiko dia hataoko izay hanazavan' ireto vato ireto eo imason' ny olona ireo zavatra izay hosoratanao ireo.

25 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny Tompo, dia nasehony ny rahalahin' i Jarèda ny

“mponina rehetra tamin' ny tany izay efa nisy, ary koa ny rehetra izay hisy; ary tsy nohazoniny tsy ho hitany ireo, na dia ny hatrany am-paran' ny tany aza.

26 Satria efa nolazainy azy tamin' ny fotoana teo aloha, fa “raha ^bmino Azy izy dia ho afaka Izy haneho aminy ny “zava-drehetra—dia haseho azy izany; koa ny Tompo dia tsy afaka mihazona na inona na inona tsy ho hitany, satria nahalala izy fa ny Tompo dia afaka maneho aminy ny zava-drehetra.

27 Ary hoy ny Tompo taminy: Soraty ireo zavatra ireo ary “fehezo ireo; ary Izaho haneho ireo amin' ny zanak' olombelona amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

28 Ary ny zava-nitranga dia nandidy azy ny Tompo ny hifehezany ny “vato roa izay efa noraisiny sy ny tsy hampisehoany azy ireo, mandrapanehoan' ny Tompo azy ireo amin' ny zanak' olombelona.

TOKO 4

Nodidina i Môrônia hifehy ny soratry ny rahalahin' i Jarèda—Tsy hambara ireny raha tsy manana finoana tahaka ny rahalahin' i Jarèda ny olona—Nandidy ny olona i Kristy hino ny teniny sy ny an' ireo mpianany—Nodidina ny olona hibe-baka, hino ny filazantsara, ary ho voavonjy.

20a Etera 12:19–21.

21a Etera 4:1.

23a TSM Orima sy
Tomima.

25a Mos. 1:8.

26a Etera 3:11–13.

b TSM Finoana.
d Etera 4:4.

27a 2 Ne. 27:6–8.

28a F&F 17:1.

ARY nandidy ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo handeha hidina avy teo an-tendrombohitra avy teo anatrehan' ny Tompo sy "hanoratra ny zavatra izay efa hitany; ary norarana ny hahatongavan' ireny any amin' ny zanak' olombelona ^braha tsy efa nasandratra teo amin' ny hazofijaliana Izy; ary noho izany antony izany dia notanan' i Môsià mpanjaka ireny mba tsy hahatongavan' ireny eo amin' izao tontolo izao raha tsy efa naneho ny tenany tamin' ny olony i Kristy.

2 Ary taorian' ny efa nanehoan' i Kristy marina tokoa ny tenany tamin' ny olony, dia nodidiany ny hampisehoana azy ireny.

3 Ary ankehitriny, taorian' izany, dia efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana ireo; ary tsy nisy olona afa-tsy ny Lamanita sisa, ary efa notsipahiny ny filazantsaran' i Kristy; koa didina aho "hanafina ireny indray ao anaty tany.

4 Indro, efa nosoratako teo amin' ireto takelaka ireto ny tena zavatra izay hitan' ny rahalahin' i Jarèda; ary tsy nisy na oviana na oviana zavatra lehibe kokoa naseho noho ireo izay naseho ny rahalahin' i Jarèda.

5 Koa efa mandidy ahy ny Tompo hanoratra azy ireny; ary efa nosoratako izy ireny. Ary

nodidiany aho ny "hifehezako azy ireny; ary efa nodidiany koa aho ny hifehezako ny ^bfan-dikana azy ireny; koa efa nofeheziko ny fandikan-teny, araka ny didin' ny Tompo.

6 Fa hoy ny Tompo tamiko: Tsy handeha mankamin' ny Jentilisa ireny raha tsy amin' ny andro izay hibebehany amin' ny helony sy hahatonga azy ho madio eo anoloan' ny Tompo.

7 Ary amin' izany andro izany izay hampiharany ny finoana Ahy, hoy ny Tompo, tahaka ny nataon' ny rahalahin' i Jarèda, ka hahatonga azy "hohamasinina ao Amiko, amin' izany Aho dia haneho aminy ny zavatra izay hitan' ny rahalahin' i Jarèda, hatrany amin' ny famelabelarana aminy ny fanambarako rehetra, hoy i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ny ^bRain' ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra izay eo aminy.

8 Ary izay "hifanditra amin' ny tenin' ny Tompo, dia aoka izy ho voaozona; ary izay ^bhandà ireny zavatra ireny, dia aoka izy ho voaozona; fa aminy no ^atsy hanehoako zavatra lehibe kokoa, hoy i Jesoa Kristy; fa Izaho no Izy izay miteny.

9 Ary amin' ny didiko dia misokatra sy "mikadona ny lanitra; ary amin' ny teniko dia hihorohoro ny ^btany; ary amin' ny di-

4 1a Etera 12:24.
TSM Soratra Masina.
b Etera 3:21.
3a Môrm. 8:14.
5a Etera 5:1.
b F&F 17:1;
JS—T 1:52.

TSM Orima sy
Tomima.
7a TSM Fanamasinana.
b Môsià 3:8.
8a 3 Ne. 29:5-6;
Môrm. 8:17.
b 2 Ne. 27:14; 28:29-30.

d Almà 12:10-11;
3 Ne. 26:9-10.
9a 1 Mpan. 8:35;
F&F 77:8.
b Hel. 12:8-18;
Môrm. 5:23.

diko dia ho levona toy ny amin' ny afo ny mponina eo aminy.

10 Ary izay tsy mino ny teniko dia tsy mino ny mpianatro; ary raha toa ka tsy miteny Aho, dia tsarainareo; satria ho fantatrareo fa Izaho no miteny amin' ny "andro farany.

11 Fa izay "mino kosa ireny zavatra izay efa noteneniko ireny, dia izy no hovangiako miaraka amin' ny fanehoana ny Fanahiko, ary hahalala izy sy ho vavolombelona manambara. Fa noho ny Fanahiko no "hahafantaran' ny fa ireny zavatra ireny dia "marina; fa mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara ireny.

12 Ary na inona na inona zavatra mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara dia avy Amiko; fa tsy misy "tsara ka tsy avy Amiko. Izaho ihany no Izy izay mitarika ny olona hanao ny tsara rehetra; izay "tsy hino ny teniko dia tsy hino Ahy—fa misy Aho; ary izay tsy hino Ahy dia tsy hino ny Ray izay nani-raka Ahy. Fa indro, Izaho no Ray, Izaho no "fahazavana sy ny "fiainana ary ny fahamarinan' izao tontolo izao.

13 "Tongava atỳ Amiko, ianareo Ry Jentilisa, dia hasehoko anareo ny zavatra lehibe kokoa, ny fahalalana izay afenina noho ny tsy finoana.

14 Tongava atỳ Amiko ianareo Ry mpianakavin' i Isiraely, ary

dia "haseho anareo ny mahalehibe ny zavatra efa nomanin' ny Ray ho anareo, hatry ny fanorenana izao tontolo izao; ary tsy tonga tany aminareo izany noho ny tsy finoana.

15 Indro, rehefa hotriarinareo ity voalin' ny tsy finoana ity izay mahatonga anareo hijanona ao amin' ny toetra mahatsiravin' ny faharatsiana sy ny hamafin' ny fo ary ny fahajamban' ny saina, amin' izany ny zavatra lehibe sy mahatalanjona izay efa "nafenina taminareo hatry ny fanorenana izao tontolo izao—eny, rehefa hiantso ny Ray amin' ny Anarako ianareo, amin' ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, amin' izany dia ho fantatrareo fa ny Ray dia efa nahatsiaro ny fanekempihavanana izay nataony tamin' ny razanareo, Ry mpianakavin' i Isiraely.

16 Ary amin' izany ny "fanambarako izay efa nampanoratako an' i Jaona mpanompoko dia hovelarina eo imason' ny olona rehetra. Tsarovy, rehefa mahita ireo zavatra ireo ianareo, dia ho fantatrareo fa antomotra ny fotoana izay hanehoana marina tokoa azy ireo.

17 Koa, "rehefa handray ity rakitsoratra ity ianareo dia azonareo fantarina fa ny asan' ny Ray dia efa niantomboka teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

10a 2 Ne. 33:10–15.

11a F&F 5:16.

b tsm Fijoroana ho Vavolombelona.

d Etera 5:3–4;

Môrô. 10:4–5.

12a Almà 5:40;

Môrô. 7:16–17.

b 3 Ne. 28:34.

d tsm Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

e Jao. 8:12; Almà 38:9.

13a 3 Ne. 12:2–3.

14a F&F 121:26–29.

15a 2 Ne. 27:10.

16a Fan. 1:1;

1 Ne. 14:18–27.

17a 3 Ne. 21:1–9, 28.

18 Koa, “mibebaha ianareo rehetra faran’ ny tany, ary tongava atỳ Amiko, ary minoa ny filazan-tsarako, ary aoka hatao ^bbatisa amin’ ny anarako; fa izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mino kosa no hohelohina; ary ^dfamantarana no hanaraka ireo izay mino ny anarako.

19 Ary hotahiana izay hita ho “mahatoky amin’ ny Anarako amin’ ny andro farany, fa hasandratra izy mba honina ao amin’ ny fanjakana voaomana ho azy ^bhatry ny fanorenana izao tontolo izao. Ary indro, Izaho no efa niteny izany. Amena.

TOKO 5

Vavolombelona telo sy ny asa mihitsy no hijoro ho toy ny fanambarana ny amin’ ny fahamarinan’ ny Bokin’ i Môrmôna.

ARY ankehitriny, izaho Môrônia dia efa nanoratra ny teny izay efa nandidiana ahy, araka ny fitadidiako; ary efa nolazaiko anao ny zavatra izay efa “nofehziko; koa aza kasihina ireny mba hahazoanao mandika izany; fa voarara aminao izany zavatra izany, raha tsy fahendrena ao amin’ Andriamanitra izany atsy ho atsy.

2 Ary indro, mety ho tombontsoa ho anao ny hahazoanao mampiseho ny takelaka amin’ “ireo izay hanampy amin’ ny famoahana ity asa ity;

3 Ary “telo no hanehoana izany amin’ ny alalan’ ny herin’ Andriamanitra; noho izany dia ho ^bfantany marina tokoa fa ireo zavatra ireo dia ^dmarina.

4 Ary amin’ ny vavan’ ny “vavolombelona telo no hampiorenana ireo zavatra ireo; ary ny fanambaran’ ny telo sy ity asa ity izay ao aminy no hanehoana ny herin’ Andriamanitra, ary koa ny teniny izay ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina no vavolombelona manambara—ary izany rehetra izany dia hijoro ho toy ny fanambarana miampanga izao tontolo izao amin’ ny andro farany.

5 Ary raha toa ka mibebaka izy ary “manatona ny Ray amin’ ny anaran’ i Jesoa, dia horaisina ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra izy.

6 Ary ankehitriny, raha tsy manam-pahefana amin’ ireo zavatra ireo aho, dia tsarainareo; satria ho fantatrareo fa manam-pahefana aho rehefa hahita ahy ianareo ary rehefa hijoro eo anoloan’ Andriamanitra isika amin’ ny andro farany. Amena.

18a 3 Ne. 27:20;
Môrô. 7:34.

b Jao. 3:3–5.
tsm Batisa—Tsy maintsy atao.

d tsm Fanomezampahasoavan’ ny Fanahy.

19a Môsià 2:41; F&F 6:13.

tsm Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran’
i Jesoa Kristy.

b 2 Ne. 9:18.

5 1a 2 Ne. 27:7–8, 21;

Etera 4:4–7.

2a 2 Ne. 27:12–14;

F&F 5:9–15.

3a 2 Ne. 11:3; 27:12.

b F&F 5:25.

d Etera 4:11.

4a Jereo F&F 17

sasintenin’ ny
fizarana sy ny
andiny 1–3;

jereo koa ny
Tnivavolombelon’
ny Vavolombelona
Telo ao amin’ ireo
pejy voalohan’ ny
Bokin’ i Môrmôna.

5a Môrm. 9:27;

Môrô. 10:30–32.

TOKO 6

Natosiky ny rivotra nankamin' ny tany nampanantenaina ny sambofiara Jarèdita—Nidera ny Tompo ny vahoaka noho ny hatsarany—Notendrena ho mpanjaka teo aminy i Ôrihà—Maty i Jarèda sy ny rahalahiny.

ARY ankehitriny, izaho Môrônia dia miroso amin' ny fanomezana ny rakitsoratr' i Jarèda sy ny rahalahiny.

2 Fa ny zava-nitranga, taorian' ny efa nanomanan' ny Tompo ny "vato izay efa nentin' ny rahalahin' i Jarèda nankao antendrombohitra, dia nidina avy tao an-tendrombohitra ny rahalahin' i Jarèda, ary nametraka ny vato tamin' ny sambo izay efa nomanina, teo amin' ny tendrony roa taminy; ary indro, izany dia nanome hazavana ho an' ny sambo.

3 Ary dia nataon' ny Tompo toy izany ny hamirapiratan' ny vato ao amin' ny haizina, ka hahome hazavana ho an' ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy mba tsy hahazoany mita ny rano lehibe ao amin' ny haizina.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nanomana ny vatsy isankarazany rehetra izy ireo mba hahazoany mivelona eny ambony rano, ary koa ny hanina ho an' ny biby fiompiny, ary na inona na inona bibidia, na biby fiompy, na vorona izay tokony hoentiny miaraka aminy—ary ny zava-nitranga rehefa natao-

ny ireo zavatra rehetra ireo, dia niondrana an-tsambo na sambofiara izy ireo, ary nisononoka teny an-dranomasina, rehefa nankininy tamin' ny Tompo Andriamaniny ny tenany.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hisian' ny "rivo-mahery nitsoka tambonin' ny rano, nankamin' ny tany nampanantenaina; ary dia nahilangilan' ny rivotra tambonin' ny onjan-dranomasina toy izany izy ireo.

6 Ary ny zava-nitranga dia imbetsaka izy ireo no nalevina tao amin' ny halalin' ny ranomasina, noho ny tendrombohitra onja izay nitosaka taminy, ary koa noho ny tafiotra lehibe sy mahatsiravina izay nateraky ny fivatravatan' ny rivotra.

7 Ary ny zava-nitranga, nony efa nalevina tao amin' ny lalina izy ireo, dia tsy nisy rano afaka nandratra azy ireo, satria ny sambony dia "tsy tantera-drano tahaka ny lovia, ary ireny koa dia tsy tantera-drano tahaka ny "sambofianan' i Noa; koa rehefa nohodidinin' ny rano maro izy ireo dia niantso ny Tompo, ary Izy nitondra azy ireo indray nivoaka teo ambonin' ny rano.

8 Ary ny zava-nitranga dia tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana nankamin' ny tany nampanantenaina ny rivotra raha teny ambony rano izy ireo; ary dia natosiky ny rivotra toy izany izy ireo.

9 Ary "nihira fiderana ho an' ny Tompo izy ireo; eny, ny

6 2a Etera 3:3–6.
5a Etera 2:24–25.

7a Etera 2:17.
b Gen. 6:14; Mos. 7:43.

9a TSM Mihira.

rahalahin' i Jarèda dia nihira fiderana ho an' ny Tompo, ary ^bnisaorany sy noderaïny ny Tompo nandritra ny manontolo andro; ary nony tonga ny alina dia tsy nitsahatra nidera ny Tompo izy ireo.

10 Ary dia toy izany no nano-sehana azy ireo; ary tsy nisy bibiben-dranomasina afaka nandraza azy ireo, tsy afaka nanimba azy ireo koa ny trozona; ary nanana hazavana lalanda-va izy ireo, na teo ambonin' ny rano na tao anaty rano.

11 Ary dia toy izany no nano-sehana azy ireo nandritra ny efatra amby efapolo sy telonjato andro teny ambony rano.

12 Ary izy ireo dia niantsona teo amin' ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina. Ary rehefa avy nametraka ny tongony teo amin' ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina izy ireo, dia niankohoka tambonin' ny tany ny tenany sy nanetry tena teo anoloan' ny Tompo, ary nandrotsa-dranomasompifaliana teo anoloan' ny Tompo, noho ny habetsahan' ny famindram-pony taminy sy ny fiantrany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tambonin' ny tany izy ireo ary nanomboka niasa ny tany.

14 Ary nanana zanakalahy efatra i Jarèda; ary nantsoina hoe i Jakôma sy i Gilgà sy i Mahà ary i Ôrihà ireo.

15 Ary niteraka zanakalahy sy

zanakavavy koa ny rahalahin' i Jarèda.

16 Ary ireo "naman' i Jarèda sy ny rahalahiny dia niisa sahabo ho roa amby roapolo olona; ary ireo koa dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy talohan' ny nahatongavany teo amin' ny tany nampanantenaina; ary noho izany dia nanomboka ho maro izy ireo.

17 Ary nampianarina azy ireo ny "handeha amim-panetrentena eo anoloan' ny Tompo; ary ^bnampianarina avy tany ambony koa izy ireo.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niely patrana tambonin' ny tany izy ireo, ary nitombo isa sy niasa ny tany; ary izy ireo dia nihanahery teo amin' ny tany.

19 Ary nanomboka ho antitra ny rahalahin' i Jarèda, ary nahita izy fa tsy ho ela dia tsy maintsy mandeha midina ao am-pasana; koa hoy izy tamin' i Jarèda: Aoka hovoriantika miaraka ny olontsika mba hahazoantsika manisa azy, mba hahafantarantsika avy aminy izay hiriany amintsika mialohan' ny handehanantsika midina any am-pasana.

20 Ary araka izany dia novoriana miaraka ny vahoaka. Ankehitriny ny isan' ny zanakalahy sy ny zanakavavin' ny rahalahin' i Jarèda dia roa amby roapolo olona; ary ny isan' ny zanakalahy sy ny zanakavavin' i Jarèda dia roa ambin' ny folo, fa nanana zanakalahy efatra izy.

9b 1 Tan. 16:7-9;
Almà 37:37;
F&F 46:32.

16a Etera 1:41.
17a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka

amin' Andriamanitra.
b TSM Fanambarana.

21 Ary ny zava-nitranga dia nisainy ny olony; ary rehefa avy nisainy izy ireo, dia nanontaniany taminy ny zavatra izay tiany hataony mialohan' ny handehanany midina any ampanasa.

22 Ary ny zava-nitranga dia nirian' ny vahoaka taminy ny "hanosorany ny anankiray amin' ny zanany lahy ho mpanjaka eo aminy.

23 Ary ankehitriny indro, nampalahelo azy ireo izany. Ary hoy ny rahalahin' i Jarèda taminy: Azo antoka fa izany zavatra izany dia "mitondra any amin' ny fahababoana.

24 Nefa hoy i Jarèda tamin' ny rahalahiny: Avelao izy mba hanana mpanjaka. Ary noho izany dia hoy izy taminy: Fidionareo amin' ny zanakay lahy izay ho mpanjaka, dia izay tianareo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nofidiany ny lahimateoan' ny rahalahin' i Jarèda; ary ny anarany dia i Pagaga. Ary ny zava-nitranga dia nandà izy ary tsy te ho mpanjakany. Ary tian' ny vahoaka ny haneren-drainy azy, nefa tsy nety rainy; ary nodidiany izy ireo ny tsy hanereny olona ho mpanjakany.

26 Ary ny zava-nitranga dia nofidiany avokoa ireo rahalahin' i Pagaga, ary tsy nety ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia tsy nety koa ireo zanakalahin' i Jarèda, dia izy rehetra afa-tsy anankiray; ary nohosorana ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka i Ôrihà.

28 Ary nanomboka nanjaka izy, ary nanomboka niroborobo ny vahoaka; ary tonga mpanefofo izaitsizy tokoa izy ireo.

29 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Jarèda, ary koa ny rahalahiny.

30 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamim-panetren-tena teo anoloan' ny Tompo i Ôrihà ary nahatsiaro ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an-drainy, ary nampianariny ny olony koa ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany.

TOKO 7

Nanjaka tamim-pahamarinana i Ôrihà—Tao anatin' ny fisandohana sy ny adilahy no nitsangana ny fanjakam-pifandrafian' i Solè sy i Kôhôra—Ny mpaminany dia nanameloka ny faharatsiana sy ny fanompoan-tsampin' ny vahoaka izay nibebaka taorian' izany.

ARY ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana teo amin' ny tany tamim-pahamarinana i Ôrihà tamin' ny androny rehetra, andro izay marobe izaitsizy tokoa.

2 Ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy; eny, niteraka iraika amby telopolo izy, anisan' ireo ny zanany lahy telo amby roapolo.

3 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i Kiba koa izy tamin' ny fahanterany. Ary ny zava-nitranga dia i Kiba no nanjaka

teo amin' ny toerany; ary niteraka an' i Kôrihôra i Kiba.

4 Ary rehefa feno roa amby telopolo taona i Kôrihôra dia nikomy tamin-drainy, ary lasana izy ary nitoetra tany an-tanin' i Nehôra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy, ary nanjary kanto fatratra tokoa izy ireo; koa i Kôrihôra dia nisintonana olona maro hanaraka azy.

5 Ary rehefa avy nanangona miaraka ny miaramila izy dia nandeha niakatra tao an-tanin' i Môrôna, izay nonenan' ny mpanjaka, ary naka azy ho babo, izay nahatò ny "filazan' ny rahalahin' i Jarèda fa izy ireo dia hoentina any amin' ny fahababoana.

6 Ankehitriny ny tanin' i Môrôna, izay nitoeran' ny mpanjaka dia akaikin' ny tany izay antsoin' ny Nefita hoe Faharavana.

7 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kiba, ary teo ambanin' i Kôrihôra zanany lahy ny vahoakany, mandra-pahatonga azy ho antitra izaitsizy tokoa; kanefa dia niteraka an' i Solè i Kiba tamin' ny fahanterany, raha mbola tany amin' ny fahababoana.

8 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamin' ny rahalahiny i Solè; ary nihanatanjaka sy tonga nahery i Solè raha ny herindehilahy; ary nahery tamin' ny fandanjalanjana koa.

9 Koa tonga tao amin' ny havoan' i Efraïma izy ary nandrendrika metaly avy tao amin'

ny havoana sy nanao sabatra tamin' ny tsy ho an' ireo izay efa notarihiny hanaraka azy; ary rehefa avy nampirongo azy ireo sabatra izy dia niverina tao antanànan' i Nehôra sy namaky ady tamin' i Kôrihôra rahalahiny, ka tamin' izany fomba izany no nahazoany ny fanjakana sy namerenany izany tamin' i Kiba rainy.

10 Ary ankehitriny, noho ny zavatra izay efa nataon' i Solè, dia natolotry ny rainy azy ny fanjakana; koa nanomboka nanjaka teo amin' ny toeran-drainy izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tamimpahamarinana izy; ary nanitatra ny fanjakany eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany izy, fa efa tonga marobe izaitsizy tokoa ny vahoaka.

12 Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro koa i Solè.

13 Ary nibebaka tamin' ny ratsy maro izay efa nataony i Kôrihôra; koa nomen' i Solè fahefana tao amin' ny fanjakany izy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanana zanakalahy sy zanakavavy maro i Kôrihôra. Ary tamin' ny zanakalahin' i Kôrihôra dia nisy anankiray izay i Noà no anarany.

15 Ary ny zava-nitranga dia nikomy tamin' i Solè mpanjaka sy tamin' i Kôrihôra rainy koa i Noà, ary nitarika an' i Kôhôra rahalahiny sy ny rahalahiny

rehetra koa, ary ny maro tamin' ny vahoaka.

16 Ary namaky ady tamin' i Solè mpanjaka izy, ka tamin' izany no nahazoany ny tany lovany voalohany; ary tonga mpanjaka tao amin' izany fari-try ny tany izany izy.

17 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady indray tamin' i Solè mpanjaka izy; ary naka an' i Solè mpanjaka sy nitondra azy ho babo tany Môrôna.

18 Ary ny zava-nitranga, nony efa hamono azy ho faty izy, dia nisoko niditra ny tranon' i Noà mpanjaka tamin' ny alina ireo zanakalahin' i Solè sy namono azy, ary namaky ny varavaran' ny fonja sy nitondra an-drainy nivoaka, ary nametraka azy teo amin' ny seza fiandrianany tao amin' ny fanjakany ihany.

19 Koa, nanangana ny fanjakany teo amin' ny toerany ny zanakalahin' i Noà; na dia teo aza izany dia tsy nanam-pahefana intsony tamin' i Solè mpanjaka izy ireo, ary ny vahoaka izay teo ambany fitondran' i Solè mpanjaka dia niroborobo izaitsizy tokoa sy tonga lehibe.

20 Ary nizarazara ny tany; ary nisy fanjakana roa, ny fanjakan' i Solè sy ny fanjakan' i Kôhôra, zanakalahin' i Noà.

21 Ary nataon' i Kôhôra, zanakalahin' i Noà, izay hamakian' ny vahoakany ady tamin' i Solè, izay nandresen' i Solè azy sy namonoany an' i Kôhôra.

22 Ary ankehitriny i Kôhôra dia nanan-janakalahy izay nan-

tsoina hoe Nimrôda; ary i Nimrôda dia nanolotra ny fanjakan' i Kôhôra an' i Solè, ary nahazo sitraka teo imason' i Solè; koa i Solè dia nanome azy fankasitrahana lehibe, ary nanao araka ny faniriany tao amin' ny fanjakan' i Solè izy.

23 Ary nandritra ny fitondran' i Solè koa dia nisy ireo mpaminany izay nirahin' ny Tompo, tonga teo anivon' ny vahoaka, naminany fa ny faharatsiana sy ny "fanompoan-tsampin' ny vahoaka no nahatonga ozona teo amin' ny tany, ary hofongorana izy raha tsy mibebaka.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanevateva ny mpaminany ny vahoaka ary nanaraby azy ireo. Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tamin' ireo rehetra izay nanevateva ny mpaminany i Solè mpanjaka.

25 Ary izy dia nampihatra lalàna eran' ny tany manontolo, izay nanome fahefana ny mpaminany handehanany na aiza na aiza tiany; ary noho izany antony izany dia nentina nankamin' ny fibebahana ny vahoaka.

26 Ary satria nibebaka tamin' ny helony sy ny fanompoan-tsampiny ny vahoaka dia notsimbinin' ny Tompo izy, ary nanomboka niroborobo indray teo amin' ny tany. Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy i Solè tamin' ny fahanterany.

27 Ary tsy nisy ady intsony tamin' ny andron' i Solè; ary nahatsiaro ny zava-dehibe izay

efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany izy tamin' ny nitondrany azy ireo "nita ny hantsana lehibe hankamin' ny tany nampanantenaina; koa nampihatra ny fitsarana tamim-pahamarinana tamin' ny androny rehetra izy.

TOKO 8

Nisy ny adilahy sy ny fifandirana momba ny fanjakana—Nanangana tsikombakomba miafina nofehezim-belirano i Akisa hamonoana ny mpanjaka—Avy tamin' ny devoly ny tsikombakomba miafina ary niafara tamin' ny faharavan' ny firenena—Ny Jentilisa ankehitriny dia nampitandremana tamin' ny tsikombakomba miafina izay nika-tsaka ny handrodana ny fahafahan' ny tany, ny firenena ary ny fanjakana rehetra.

ARY ny zava-nitranga dia niteraka an' i Ômera izy, ary nanjaka teo amin' ny toerany i Ômera. Ary niteraka an' i Jarèda i Ômera; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy i Jarèda.

2 Ary nikomy tamin-drainy i Jarèda, ary tonga sy nonina tao an-tanin' i Heta izy. Ary ny zava-nitranga dia nanasohaso vahoaka maro izy, noho ny teniny mametsifetsy, mandrapahazoany ny antsasaky ny fanjakana.

3 Ary nony efa azony ny antsasaky ny fanjakana, dia namaky ady tamin-drainy izy, ary nitondra an-drainy nankamin' ny fahababoana, ary nampa-

nomp azy tao amin' ny fahababoana;

4 Ary ankehitriny, nandritra ny andro nitondran' i Ômera, dia tao amin' ny fahababoana izy, ny antsasaky ny andrompiainany. Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy, anisan' ireo i Hezrôna sy i Kôriantomira;

5 Ary ireo dia tezitra izaitsizy tokoa noho ny nataon' i Jarèda rahalahiny, hany ka nanangana miaramila ireo ary namaky ady tamin' i Jarèda. Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy tamin' ny alina ireo.

6 Ary ny zava-nitranga nony efa naringan' izy ireo ny miaramilan' i Jarèda dia efa saika hamono azy koa izy ireo; ary niangaviany izy ireo mba tsy hamono azy, ary dia hafoiny ho an-drainy ny fanjakana. Ary ny zava-nitranga dia navelan' izy ireo taminy ny ainy.

7 Ary ankehitriny dia nanjary feno alahelo izaitsizy tokoa i Jarèda noho ny famoizana ny fanjakana, satria efa nametraka ny fony tamin' ny fanjakana sy ny voninahitr' izao tontolo izao izy.

8 Ankehitriny ny zanakavavin' i Jarèda, izay famantsivavy izaitsizy tokoa, rehefa nahita ny alahelon-drainy, dia nihevitra ny hamolavola tetika izay hahafahany manavotra ny fanjakana ho an-drainy.

9 Ankehitriny ny zanakavavin' i Jarèda dia meva izaitsizy tokoa. Ary ny zava-nitranga dia

niresaka tamin-drainy izy, ary hoy izy taminy: Nahoana ny raiko no manana alahelo fatratra tokoa? Tsy efa novakiany va ny rakitsoratra izay nentin' ny razantsika nita ny hantsana lehibe? Indro, moa tsy misy ny fitantarana ny momba ireo tamin' ny fahagola izay tamin' ny alalan' ny "drafitra miafina no nahazoany fanjakana sy voninahitra lehibe?

10 Ary ankehitriny, noho izany, dia aoka ny raiko hampaka an' i Akisa, zanakalahin' i Kimnôra; ary indro, meva aho, ary "handihy eo anoloany, ary hahafinaritra azy aho ka hiriany ho andefimandry; koa raha mangataka aminao izy ny hanomezanao ahy ho azy, ho andefimandry, amin' izany ianao dia hiteny hoe: Homeko izy raha entinao eto amiko ny lohan' ny mpanjaka raiko.

11 Ary ankehitriny i Ômera dia sakaizan' i Akisa; koa, rehefa nampaka an' i Akisa i Jarèda, dia nandihy teo anoloany ny zanakavavin' i Jarèda ka nahafinaritra azy, hany ka niriany ho andefimandry. Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamin' i Jarèda: Omeo ahy izy ho andefimandriko.

12 Ary hoy i Jarèda taminy: Homeko anao izy, raha entinao eto amiko ny lohan' ny mpanjaka raiko.

13 Ary ny zava-nitranga dia nangonin' i Akisa tao an-tranon' i Jarèda avokoa ireo ankohona-

ny, ary hoy izy taminy: Mianiana amiko va ianareo fa ho mahatoky amiko amin' ny zavatra izay hangatahiko aminareo?

14 Ary ny zava-nitranga dia "nianiana teo anoloany avokoa ireo, tamin' ny Andriamanitry ny lanitra, ary koa tamin' ny lanitra, ary koa tamin' ny tany, ary tamin' ny lohan' izy ireo, fa na zovy na zovy no mandà ny fanampiana izay nirian' i Akisa dia hahavery ny lohany; ary na zovy na zovy no hamoaka izay zavatra rehetra nampahafantarin' i Akisa azy, dia hahavery ny ainy izy.

15 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifanekeny tamin' i Akisa. Ary i Akisa dia nampanao azy ireo ny "fianianana izay nomen' ireo tamin' ny fahagola, izay nikatsaka fahefana koa, izay efa nifanolorana, na dia hatrany amin' i ^bKaina aza izay mpamono olona hatrany ampiandohana.

16 Ary ireny dia notehirizin' ny herin' ny devoly mba hanoomezana ireny fianianana ireny ny vahoaka, mba hitanana azy ao amin' ny haizina, mba hanampiana izay nikatsaka ny fahefana hahazo ny fahefana sy hamono olona, ary handroba sy handainga ary hahavita ny karazana faharatsiana sy fijangajangana rehetra.

17 Ary ny zanakavavin' i Jarèda no nametraka izany tao am-pony mba hofongarina ireny zavatra fahiny ireny; ary

8 9a 3 Ne. 6:28;
Hel. 6:26–30;
Mos. 5:51–52.

10a Mar. 6:22–28.
14a TSM Manevateva.
15a TSM Fianianana.

b Gen. 4:7–8;
Mos. 5:28–30.

nametraka izany tao am-pon' i Akisa i Jarèda; koa, i Akisa dia nanome izany ny olony sy ny sakaizany, nitarika azy ireo tamin' ny fampantanenana tsara lahatra mba hanao na inona na inona zavatra niriany.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanangana "tsikombakomba miafina izy ireo, dia tahaka andrizarao fehizay; tsikombakomba izay tena maharikoriko sy ratsy indrindra noho ny rehetra, teo imason' Andriamanitra;

19 Fa tsy miasa ao amin' ny tsikombakomba miafina ny Tompo, tsy tiany koa ny olona handatsa-dra, fa efa norarany tamin' ny zava-drehetra izany, hatry ny fiandohan' ny olona.

20 Ary ankehitriny izaho Môrônia dia tsy manoratra ny fombafomban' ny veliranony sy ny tsikombakombany, satria efa nampahafantarina ahy fa efa ananan' ny vahoaka rehetra ireny, ary efa ananan' ny Lamanita.

21 Ary ireny no efa nahatonga ny "famongorana ity vahoaka izay resahiko ankehitriny ity, ary koa ny famongorana ny vahoakan' i Nefia.

22 Ary na zovy na zovy firenena manohana tsikombakomba miafina toy izany mba hahazoana fahefana sy harena, hany ka hiely eran' ny firenena izy ireny, dia horavana izy; fa ny Tompo dia tsy hamela ny "ran' ny olomasiny, izay halatsak' izy ireny, hiantso Azy avy eo amin' ny tany mba ho eo amin' izy

ireny ny ^bvalifaty, ka tsy hamaly azy.

23 Koa, ianareo ry Jentilisa, fahendrena ao amin' Andriamanitra ny hampisehoana anareo ireny zavatra ireny, mba hahazoanareo amin' izany mibebaka amin' ny fahotanareo, ka tsy hamelanareo ireny tsikombakomba mamono ireny hitaingim-bozona anareo, fa izy ireny dia miorina mba hahazoana "fahefana sy harena—ary ny asa, eny, ny asan' ny famongorana dia ho tonga aminareo, eny, ny sabatry ny fitsaran' Andriamanitra Mandrakizay dia hianjera aminareo, ho fandrodanana sy ho famongorana anareo, raha avelanareo hisy ireny zavatra ireny.

24 Koa, mandidy anareo ny Tompo, rehefa ho hitanareo ny hahatongavan' ireny zavatra ireny eo anivonareo, ny hifohanareo ho amin' ny fieritreretana ny toe-javatra mahatsiravina misy anareo, noho ity tsikombakomba miafina izay hisy eo anivonareo ity; na lozan' izany, noho ny ran' ireo izay efa novonoina; fa miantsoantso avy eo amin' ny vovoka izy ireo mba hianjeran' ny valifaty amin' izany, ary koa amin' ireo izay nanangana izany.

25 Fa ny zava-mitranga dia na zovy na zovy no manorina izany dia mikatsaka ny hanongana ny "fahafahan' ny tany, ny firenena ary ny fanjakana rehetra izany; ary mahatonga ny

18a TSM Tsikombakomba
Miafina.
21a Hel. 6:28.

22a Môrm. 8:27, 40–41.
^b TSM Valifaty.
23a 1 Ne. 22:22–23;

Mos. 6:15.
25a TSM Afaka.

famongorana ny vahoaka rehe-
tra izany, satria aorin' ny devoly
izay rain' ny lainga rehetra izan-
ny; izy ihany ilay mpandainga
izay ^bnanangoly ny ray amandrenintsika voalohany, eny, izy
ihany ilay mpandainga izay efa
nahatonga ny olona hahavita
vonoan' olona hatrany am-pian-
dohana; izay efa nanamafy ny
fon' ny olona ka efa namonoany
ny mpaminany sy nitorahany
vato azy ary nandroahany azy
hatrany am-piandohana.

26 Koa, izaho Môrônia dia di-
dina hanoratra ireny zavatra
ireny mba hanafoanana ny ratsy
sy mba hiavian' ny fotoana izay
“tsy hahazoan' i Satana hanam-
pahefana amin' ny fon' ny za-
nak' olombelona, fa hahazoana
kosa ^bmandresy lahatra azy
ireo hanao ny tsara lalandava,
ka hahazoany manatona ny
loharanon' ny fahamarinana
rehetra ary ho voavonjy.

TOKO 9

*Avy tamin' ny anankiray dia ni-
findra tamin' ny anankiray hafa ny
fanjakana tamin' ny alalan' ny fira-
zanana, ny fiokoana ary ny vonoan'
olona — Nahita ny Zanaky ny
Fahamarinana i Emera — Niantso
fibabahana ny mpaminany maro —
Nampahory ny vahoaka ny mosary
sy ny menarana misy poizina.*

ARY ankehitriny izaho Môrônia
dia manohy ny rakitsoratro. Koa,
indro, ny zava-nitranga noho ny

“tsikombakomba miafin' i Akisa
sy ny namany, dia indro, naon-
gany ny fanjakan' i Ômera.

2 Na dia teo aza izany, ny
Tampo dia feno famindram-po
tamin' i Ômera, ary koa tamin'
ny zanany lahy sy ny zanany
vavy izay tsy nikatsaka ny
famongorana azy.

3 Ary nampitandrina an' i
Ômera tao amin' ny nofy ny
Tampo mba handehanany miala
ny tany; koa nandeha i Ômera
niala ny tany, niaraka tamin'
ny ankohonany, ary nandeha
andro maro sy namakivaky ka
nandalo tao akaikin' ny havoa-
nan' i “Sima, ary nandalo teo
akaikin' ny toerana ^bizay na-
mongorana ny Nefita, ary avy
teo dia niantsinanana, ary tonga
tao amin' ny toerana izay nan-
tsoina hoe i Ablôma, akaikin' ny
moron-dranomasina, ary nanan-
gana ny lainy teo izy, ary koa ny
zanany lahy sy ny zanany vavy
ary ny ankohonany rehetra, afa-
tsy i Jarêda sy ny fianakaviany.

4 Ary ny zava-nitranga dia no-
hosoran' ny tanan' ny fahara-
tsiana ho mpanjaka teo amin' ny
vahoaka i Jarêda; ary nomeny
an' i Akisa ny zanany vavy ho
vadiny.

5 Ary ny zava-nitranga dia
nifofo ny ain-drafozandahiny
i Akisa; ary nangatahiny ny
fanampian' ireo izay efa nam-
pianianiny tamin' ny veliranon'
ny ntaolo, ary nahazo ny lohan'
ny rafozandahiny ireo, raha
nipetraka teo amin' ny seza

25b Gen. 3:1–13;
2 Ne. 9:9; Môsià 16:3;
Mos. 4:5–19.

26a 1 Ne. 22:26.
b 2 Ne. 33:4;
Môrô. 7:12–17.

9 1a Etera 8:13–17.
3a Môrm. 1:3; 4:23.
b Môrm. 6:1–15.

fiandrianany izy, nanana fihao-nana tamin' ny vahoakany.

6 Fa lehibe loatra ny efa fipari-tahan' ity fikambanana ratsy sy miafina ity, ka izany dia nanimba ny fon' ny vahoaka manontolo; koa nisy namono teo amin' ny seza fiandrianany i Jarèda, ary i Akisa no nanjaka teo amin' ny toerany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nialona ny zanany lahy i Akisa, noho izany dia nohidiny tao am-ponja izy ary nomena sakafo kely na tsy nisy mihitsy aza mandra-pahatonga azy hiaritra fahafatesana.

8 Ary ankehitriny ny rahalahin' ilay niaritra fahafatesana (ary ny anarany dia i Nimrà) dia tezitra tamin-drainy noho izay efa nataon-drainy tamin' ny rahalahiny.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanangona miaraka andian' olona vitsivitsy i Nimrà ary nandositra niala ny tany sy tonga ary niara-nonina tamin' i Ômera.

10 Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy hafa i Akisa, ary nahazo ny fon' ny olona ireo, na dia teo aza ny efa niananan' ireo taminy hanao ny fomban' ny heloka rehetra araka izay niriany.

11 Ankehitriny, dia naniry harena ny vahoakan' i Akisa, dia tahaka an' i Akisa naniry fahefana; koa ny zanakalahin' i Akisa dia nanolotra azy vola, tamin' izany fomba izany no nisarihan' izy ireo ny ankamaroan' ny vahoaka hanaraka azy ireo.

12 Ary nanomboka nisy ady teo amin' ireo zanakalahin' i

Akisa sy i Akisa, izay naharitra taona maro, eny, hatrany amin' ny saika famongorana manontolo ny vahoakan' ny fanjakana aza, eny, dia ny rehetra, afa-tsy telopolo olona mbamin' ireo izay nandositra niaraka tamin' ny ankohonan' i Ômera.

13 Koa, naverina indray tamin' ny tany lovany i Ômera.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho antitra i Ômera; na dia teo aza izany, dia niteraka an' i Emera izy, tamin' ny fahanterany; ary nanosotra an' i Emera ho mpanjaka hitondra eo amin' ny toerany izy.

15 Ary rehefa avy nanosotra an' i Emera ho mpanjaka izy dia nahita fiadanana teo amin' ny tany nandritra ny roa taona, ary nodimandry izy, rehefa nahita andro maro izaitsizy tokoa, izay feno alahelo. Ary ny zava-nitranga dia i Emera no nitondra teo amin' ny toerany, ary nanaraka ny dian-drainy izy.

16 Ary nanomboka indray nanaisotra ny ozona hiala tamin' ny tany ny Tompo, ary ny ankohonan' i Emera dia niroborobo izaitsizy tokoa teo ambany fitondran' i Emera; ary tao anatin' ny roa amby enimpolo taona dia efa tonga natanjaka izaitsizy tokoa izy ireo, hany ka efa tonga mpanefoefo izaitsizy tokoa —

17 Nanana ny karazany rehetra tamin' ny voankazo sy tamin' ny voamaina, ary tamin' ny landy sy tamin' ny hariry madinika, ary tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy, ary tamin' ny zava-tsarobidy;

18 Ary koa ny karazany rehe-

tra tamin' ny biby fiompy, ary tamin' ny ombilahy sy ny ombivavy, ary tamin' ny ondry, ary tamin' ny kisoa, ary tamin' ny osy, ary koa ny karazam-biby maro hafa izay natao hohanin' ny olona.

19 Ary nananany koa ny "soavaly sy ny ampondra, ary nisy elefanta sy kiorelôma ary kiomôma; ary izy rehetra ireo dia nilain' ny olona, ary indrindra indrindra ny elefanta sy ny kiorelôma ary ny kiomôma.

20 Ary dia toy izany no nandrotsahan' ny Tompo ny fitahiany teo amin' ny tany izay "nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra; ary nodidiany fa na zovy na zovy no hizaka ny tany dia hizaka izany ho an' ny Tompo, na ^bhofongorana izy rehefa masaka ao amin' ny heloka; fa amin' ny toa azy, hoy ny Tompo, no handatsahako ny fahafenoan' ny fahatezerako.

21 Ary i Emera dia nampihatra ny fitsarana tamim-pahamari-nana tamin' ny androny rehetra, ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro izy; ary niteraka an' i Kôriantoma izy ary nanosotra an' i Kôriantoma hitondra eo amin' ny toerany.

22 Ary taorian' ny efa nanosorany an' i Kôriantoma hitondra eo amin' ny toerany, dia niaina efa-taona izy ary nahita fandriam-pahalemana teo amin' ny tany; eny, ary nahita izy na dia ny "Zanaky ny Fahamarinana aza ary nifaly sy nankalaza ny

androny; ary nodimandry tamim-piadanana izy.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny lalan-drainy i Kôriantoma ary nanorina tanàna mafy maro sy nanome izay tsara ho an' ny vahoakany tamin' ny androny rehetra. Ary ny zava-nitranga dia tsy nananjanaka izy raha tsy efa antitra izaitsizy tokoa.

24 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry ny vadiny, rehefa roa amby zato taona. Ary ny zava-nitranga dia naka tovovavy iray ho vadiny i Kôriantoma tamin' ny fahanterany, ka niteraka zanakalahy sy zanakavavy; koa, niaina hatrany amin' ny roa amby efapolo amby zato taona izy.

25 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i Kôma izy, ary nitondra teo amin' ny toerany i Kôma; ary nitondra sivy amby efapolo taona izy dia niteraka an' i Heta; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy hafa koa izy.

26 Ary efa niely tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany ny vahoaka, ary nanomboka indray ny fisian' ny faharatsiana lehibe izaitsizy tokoa teto ambonin' ny tany, ary nanomboka nanaraka indray ny drafitra miafina fahiny i Heta mba hamongorana an-drainy.

27 Ary ny zava-nitranga dia nesoriny teo amin' ny seza fiandrianany ny rainy, satria novonoiny tamin' ny sabany ihany izy; ary izy no nitondra teo amin' ny toerany.

28 Ary nisy mpaminany tonga indray teo amin' ny tany, niantso fibebahana tamin' izy ireo — fa tsy maintsy manomana ny lalan' ny Tompo izy ireo, raha tsy izany dia ho tonga eto ambonin' ny tany ny ozona; eny, hisy mihitsy mosary lehibe, ka amin' izany no hamongorana azy ireo raha tsy mibebaka.

29 Nefa tsy nino ny tenin' ny mpaminany ny vahoaka, fa noroahiny izy ireny hiala; ary ny sasany taminy dia natsipiny tao anaty lavaka ary navelany ho faty. Ary ny zava-nitranga dia nataony avokoa ireo zavatra ireo araka ny didin' i Heta mpanjaka.

30 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nisy tsy fahampian-kanina lehibe teo amin' ny tany, ary nanomboka ho ringana fain-gana izaitsizy tokoa ny mponina noho ny tsy fahampian-kanina, fa tsy nisy orana tambonin' ny tany.

31 Ary nivoaka teo ambonin' ny tany koa ny bibilava misy poizina ary nanapoizina olona maro. Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandositra teo anoloan' ny bibilava misy poizina ny biby fiompiny, nankamin' ny tany andafiatsimo izay nantsoin' ny Nefita hoe “Zarahemlà.

32 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro taminy no maty teny an-dalana; na dia teo aza izany dia nisy ny sasany izay nandositra nankamin' ny tany andafiatsimo.

33 Ary ny zava-nitranga dia

nataon' ny Tompo izay tsy hanenjehan' ireo “bibilava azy intsony, fa ny hamefen' ireo kosa ny lalana ka tsy hahafahan' ny vahoaka mandalo, fa na zovy na zovy no manandrana mandalo dia mety ho lavon' ny bibilava misy poizina.

34 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka ny dian' ny biby ny vahoaka ary nambosibosika ny fatin' ireo izay lavo teny an-dalana, ambara-pahabosibosehany azy rehetra. Ankehitriny nony nahita ny vahoaka fa tsy maintsy ho faty izy dia nanomboka “nibebaka tamin' ny helony izy ary nitalaho ny Tompo.

35 Ary ny zava-nitranga rehefa avy “nanetry ny tenany tokoa teo anoloan' ny Tompo izy, dia nandrotsaka ny orana tambonin' ny tany Izy; ary nanomboka velom-bolo indray ny vahoaka, ary nanomboka nisy voankazo teo amin' ny tany avaratra sy teo amin' ny tany rehetra manodidina. Ary ny Tompo dia naneho ny heriny taminy tamin' ny nitsimbinany azy tamin' ny mosary.

TOKO 10

Nifandimby ny mpanjaka — Ny sasany tamin' ny mpanjaka dia marina; ny hafa dia ratsy — Rehefa manjaka ny fahamarinana, dia tahina sy tsimbinin' ny Tompo ny vahoaka.

ARY ny zava-nitranga dia i Seza izay tamingan' i Heta — fa efa

maty tamin' ny mosary i Heta sy ny ankohonany rehetra afa-tsy i Seza — koa i Seza no nanomboka nanarina indray ny vahoaka rava.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahatsiaro ny famongorana ny razany i Seza, ary izy dia nanorina fanjakana marina; fa nahatsiaro izay efa nataon' ny Tompo izy tamin' ny nitondra ny an' i Jarèda sy ny rahalahiny "nita ny hantsana; ary izy dia nandeha tamin' ny lalan' ny Tompo; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy.

3 Ary ny lahimatoany izay i Seza no anarany dia nikomy taminy; kanefa i Seza dia noka-pohin' ny tanan' ny mpandroba, noho ny haren'ny fatratra, izay nitondra fandriampahalemana indray ho an-drainy.

4 Ary ny zava-nitranga dia nanorina tanàna maro teo amin' ny lafin-tany ny rainy, ary nanomboka indray niely patrana eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany ny vahoaka. Ary i Seza dia niaina tratrantitra izaitsizy tokoa; ary niteraka an' i Riplakisa izy. Ary nodimandry izy, ary i Riplakisa no nitondra teo amin' ny toerany.

5 Ary ny zava-nitranga dia tsy nanao izay marina teo imason' ny Tompo i Riplakisa, satria nanana andefimandry sy "vadi-sindrano maro izy, ary nametraka teo an-tsoroky ny olona izay sarotra zakaina; eny, izy dia nampitatao azy hetra mavesatra; ary tamin' ny alalan'

ny hetra no nananganany trano malalaka maro.

6 Ary nanangana seza fian-drianana kanto izaitsizy tokoa ho azy izy; ary nanorina fonja maro, ary na zovy na zovy no tsy te hofehezina tamin' ny hetra dia natsipiny tao am-ponja; ary na zovy na zovy no tsy afaka nandoa hetra dia natsipiny tao am-ponja; ary nataony izay hiasan' izy ireo lalandava ho an' ny fiveloman' izy ireo; ary na zovy na zovy no nandà tsy hiasa dia nasainy novonoina ho faty.

7 Koa izy dia nahazo ny asa voakaly rehetra, eny, na dia ny volamenany voadio aza dia nasainy nodiovina tao am-ponja; ary ny karazana taozavatra voakaly rehetra dia nasainy natao tao am-ponja. Ary ny zava-nitranga dia nampahoriany ny vahoaka tamin' ny fijangajangan'ny sy ny fahavetavetany.

8 Ary nony efa nitondra nandritra ny roa amby efapolo taona izy, dia nitsangana ny vahoaka nikomy taminy; ary nanomboka nisy ady indray teo amin' ny tany, hany ka nisy namono i Riplakisa, ary noroahina hiala ny tany ny taranany.

9 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny taona maro, dia i Môriantôna (izay tamingan' i Riplakisa) no nanangona miaraka ny miaramilan' ny voaroaka sy nandeha ary namaky ady tamin' ny vahoaka; ary nahazo ny fahefana tamin' ny tanàna maro izy; ary zary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady ary

naharitra taona maro; ary nahazo ny fahefana eran' ny tany manontolo izy ary nametraka ny tenany ho mpanjaka eran' ny tany manontolo.

10 Ary taorian' ny efa nametrachany ny tenany ho mpanjaka, dia nohamaivaniny ny entamavesatry ny vahoaka, tamin' izany no nahazoany sitraka teo imason' ny vahoaka, ary nesorany azy ho mpanjakany.

11 Ary izy dia nanao ny rariny tamin' ny vahoaka fa tsy tamin' ny tenany noho ny fijangajangany maro; koa, nesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo izy.

12 Ary ny zava-nitranga dia nanorina tanàna maro i Môrian-tôna, ary nanjary mpanefoefo izaitsizy tokoa ny vahoaka teo ambany fitondrany, na tamin' ny trano, na tamin' ny volamena sy ny volafotsy, na tamin' ny fambolena voamaina, na tamin' ny biby fiompy sy ny zavatra toy izany izay efa naverina taminy.

13 Ary i Môriantôna dia niaina hatrany amin' ny fahanterana be izaitsizy tokoa, ary tamin' izany no niterahany an' i Kima; ary i Kima no nitondra teo amin' ny toeran-drainy; ary nitondra valo taona izy dia maty rainy. Ary ny zava-nitranga dia tsy nitondra tamim-pahamarinana i Kima, koa tsy nankasitranan' ny Tompo izy.

14 Ary ny rahalahiny dia nangana fikomiana taminy, tamin' izany no namarinany azy tany amin' ny fahababoana; ary dia nijanona tao amin' ny faha-

baboana izy tamin' ny androny rehetra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy tao amin' ny fahababoana izy, ary niteraka an' i Lèvy izy tamin' ny fahanterana; dia maty.

15 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny fahafatesan-drainy dia nanompo tao amin' ny fahababoana nandritra ny roa amby efapolo taona i Lèvy. Ary izy dia niady tamin' ny mpanjakan' ny tany, tamin' izany no nahazoany ny fanjakana ho an' ny tenany.

16 Ary nony efa nahazo ny fanjakana ho an' ny tenany izy dia nanao izay marina teo imason' ny Tompo; ary ny vahoaka dia niroborobo teo amin' ny tany; ary tratrantitra be tokoa izy ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy; ary izy koa dia niteraka an' i Kôrôma izay nohosorany ho mpanjaka teo amin' ny toerany.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanao izay tsara teo imason' ny Tompo i Kôrôma tamin' ny androny rehetra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro izy; ary nony efa nahita andro maro izy dia nodimandry, dia tahaka ny sisa amin' ny tany; ary i Kisy no nitondra teo amin' ny toerany.

18 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Kisy, ary i Liba no nitondra teo amin' ny toerany.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanao koa izay tsara teo imason' ny Tompo i Liba. Ary tamin' ny andron' i Liba dia fongana ny "bibilava misy poizina. Koa,

nandeha nankamin' ny tany andafiatsimo izy ireo, hiremby hanina ho an' ny vahoakan' ny tany, fa heniky ny biby an' ala ny tany. Ary i Liba izy tenany koa dia nanjary mpihaza lehibe.

20 Ary nanorina tanàna lehibe izy ireo teo akaikin' ny vozontany ety, akaikin' ny toerana izay anasarahan' ny ranomasina ny tany.

21 Ary notsimbininy ho tany foana ny tany andafiatsimo, hahazoana remby. Ary rakotry ny mponina ny lafiny manontolo tamin' ny tany andafiavaratra.

22 Ary fatra-piasa izaitsizy tokoa izy, ary nividy sy nivarotra, ary nifampiraharaha izy samy izy mba hahazoany tombony.

23 Ary izy dia niasa ny karazany rehetra tamin' ny akora, ary nanao volamena sy volafotsy ary “vy sy varahina, ary ny karazany rehetra tamin' ny metaly; ary dia nihady avy izany tao amin' ny tany; koa izy dia nampiovosa antontan-tany avo hahazoana ny akoran' ny volamena sy ny an' ny volafotsy, ary ny an' ny vy sy ny an' ny varahinamena. Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny asa voakaly.

24 Ary nananany ny lamba landy sy ny hariry madinika; ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny lamba mba hahazoany manafy ny tenany amin' ny fitanjahany.

25 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovana hiasana ny tany, na hamadihana,

na hamafazana, na hijinjana, na hiavàna, na koa hivesesana.

26 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovana izay nampiasainy tamin' ny bibiny.

27 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovam-piadiana. Ary nataony ny karazana asa rehetra araka ny fomban' ny taozavatra nokaliana izaitsizy tokoa.

28 Ary na oviana na oviana dia tsy ho nety nisy vahoaka notahiana sy nambinin' ny tanan' ny Tompo bebe kokoa noho izy. Ary izy dia teo amin' ny tany izay nofinidy tambonin' ny tany rehetra, fa ny Tompo no efa niteny izany.

29 Ary ny zava-nitranga dia niaina an-taona maro i Liba ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy; ary niteraka an' i Heartôma koa izy.

30 Ary ny zava-nitranga dia i Heartôma no nanjaka teo amin' ny toeran-drainy. Ary nony efa nanjaka efatra amby roapolo taona i Heartôma, dia indro, nesorina hiala taminy ny fanjakana. Ary nanompo an-taona maro tao amin' ny fahababoana izy, eny, ny androny sisa rehetra mihitsy.

31 Ary niteraka an' i Heta izy ary niaina tao amin' ny fahababoana i Heta tamin' ny androny rehetra. Ary niteraka an' i Aharôna i Heta, ary nitoetra tao amin' ny fahababoana i Aharôna tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Amnigadà izy, ary nitoetra tao amin' ny

fahababoana koa i Amnigadà tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Kôriantoma izy, ary nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kôriantoma tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Kôma izy.

32 Ary ny zava-nitranga dia nahasarika ny antsasaky ny fanjakana i Kôma. Ary nanjaka roa amby efapolo taona tamin' ny an-tsasaky ny fanjakana izy; ary nandeha niady tamin' i Amgida mpanjaka izy, ary niady nandritra ny taona maro izy ireo, nandritra izany fotoana izany no nahazahoan' i Kôma ny fahefana tamin' i Amgida sy nahazoany ny fahefana tamin' ny fanjakana sisa.

33 Ary tamin' ny andron' i Kôma dia nanomboka nisy ireo mpandroba teo amin' ny tany; ary narahin' izy ireo ny drafitra fahiny, ary nampihariny ny "fianianana araka ny fomban' ny ntaolo, ary nokatsahiny indray ny handrava ny fanjakana.

34 Ankehitriny dia niady tamin' izy ireo imbetsaka i Kôma; na dia teo aza izany, dia tsy resiny izy ireo.

TOKO 11

Nanjaka teo amin' ny fiainan' ny Jarêdita ny ady, ny fifandirana ary ny faharatsiana—Nilaza mialoha ny famongorana tanteraka ny Jarêdita ireo mpaminany raha tsy mibebaka izy—Nitsipaka ny tenin' ny mpaminany ny vahoaka.

ARY nisy koa ireo mpaminany maro tonga tamin' ny andron' i Kôma sy naminany ny amin' ny famongorana ity vahoaka lehibe ity, raha tsy mibebaka izy ary tsy mitodika amin' ny Tompo sy tsy mahafofy ny famonoany olona sy ny faharatsiany.

2 Ary ny zava-nitranga dia no-tsipahin' ny vahoaka ireo mpaminany, ary nandositra nankao amin' ny Kôma izy ireo ho fiarovana-tena, fa nokatsahin' ny vahoaka ny hamongotra azy ireo.

3 Ary naminany zavatra maro tamin' i Kôma izy ireo; ary notahiana izy tamin' ny androny sisa rehetra.

4 Ary niaina tratrantitra tokoa izy ary niteraka an' i Siblôma; ary nanjaka teo amin' ny toerany i Siblôma. Ary nikomy nanohitra azy ny rahalahin' i Siblôma, ary nanomboka nisy ady lehibe izaitsizy tokoa teo amin' ny tany manontolo.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny rahalahin' i Siblôma izay hamonoana ho faty ny mpaminany rehetra izay naminany ny amin' ny famongorana ny vahoaka;

6 Ary nisy antambo lehibe teo amin' ny tany manontolo, fa efa nanambara izy ireo fa ozona lehibe no ho tonga amin' ny tany, ary koa amin' ny vahoaka, ary hisy famongorana lehibe eo anivony, toy izay tsy mbola nisy na oviana na oviana teto ambonin' ny tany, ary ny taolany dia ho tonga toy ny "anton-tan-tany eto ambonin' ny tany,

raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiany izy.

7 Ary tsy nohenoiny ny feon' ny Tompo, noho ny tsikombakomba ratsiny; koa, nanomboka nisy ady sy fifandirana teo amin' ny tany manontolo, ary koa mosary sy areti-mandringana maro, hany ka nisy famongorana lehibe, toy izay tsy mbola fantatra na oviana na oviana teto ambonin' ny tany; ary izany rehetra izany dia nitranga tamin' ny andron' i Siblôma.

8 Ary nanomboka nibebaka tamin' ny helony ny vahoaka; ary arakaraka ny nanaovany izany no nananan' ny Tompo "famindram-po taminy.

9 Ary ny zava-nitranga dia nisy namono i Siblôma, ary i Sèta dia nentiny tany amin' ny fahababoana sy nitoetra tao amin' ny fahababoana tamin' ny androny rehetra.

10 Ary ny zava-nitranga dia i Ahà zanany lahy no nahazo ny fanjakana; ary nanjaka tamin' ny vahoaka izy tamin' ny androny rehetra. Ary nataony ny karazana heloka rehetra tamin' ny androny, tamin' izany no nanaovany izay handatsahan-dra be; ary vitsy ny androny.

11 Ary i Etema izay tamingan' i Ahà no nahazo ny fanjakana; ary izy koa dia nanao izay ratsy tamin' ny androny.

12 Ary ny zava-nitranga dia tamin' ny andron' i Etema no nisy ireo mpaminany maro tonga sy naminany indray tamin' ny vahoaka; eny, naminany izy ireo

fa handrava azy tanteraka eto ambonin' ny tany ny Tompo, raha tsy mibebaka amin' ny helony izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanamafy ny fony ny vahoaka ary tsy te "hihaino ny teniny; ary nalahelo ireo mpaminany ary niala avy teo anivon' ny vahoaka.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tao amin' ny faharatsiana i Etema tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Môrôna izy. Ary ny zava-nitranga dia i Môrôna no nanjaka teo amin' ny toerany; ary i Môrôna dia nanao izay ratsy teo anoloan' ny Tompo.

15 Ary ny zava-nitranga dia nisy "fikomiana nipoaka teo anivon' ny vahoaka, noho ity tsikombakomba miafina ity izay natsangana mba hahazoana fahafana sy harena; ary nisy lehilahy iray nahery tamin' ny heloka nitsangana teo anivony sy namaky ady tamin' i Môrôna, tamin' izany no nanonganany ny antsasaky ny fanjakana; ary izy dia nitana ny antsasaky ny fanjakana nandritra ny taona maro.

16 Ary ny zava-nitranga, dia nanongana azy i Môrôna, ary nahazo indray ny fanjakana.

17 Ary ny zava-nitranga dia nisy lehilahy mahery iray hafa nitsangana; ary tamingan' ny rahalahin' i Jarèda izy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanongana an' i Môrôna izy ary nahazo ny fanjakana; koa, i

Môrôna dia nitoetra tao amin' ny fahababoana, ny androny sisa rehetra; ary niteraka an' i Kôriantôra izy.

19 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kôriantôra, tamin' ny androny rehetra.

20 Ary tamin' ny andron' i Kôriantôra dia nisy koa mpaminany maro tonga sy naminany zavatra lehibe sy mahatalanjona ary notoriany tamin' ny vahoaka ny fibebahana, ary raha tsy mibebaka izy, dia hampihatra ny "fitsarana aminy ny Tompo Andriamanitra ho famongorana azy tanteraka;

21 Ka ny Tompo dia handefa na hitondra "vahoaka iray hafa hizaka ny tany, amin' ny alalan' ny heriny, araka ny fomba izay nitondrany ny razany.

22 Ary notsipahiny ny teny rehetra notenenin' ireo mpaminany, noho ny fikambanany miafina sy ny fahavetavetany mamohetra.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i "Etera i Kôriantôra, ary nodimandry izy, rehefa nitoetra tao amin' ny fahababoana nandritra ny androny rehetra.

TOKO 12

Nitaona ny vahoaka hino an' Andriamanitra i Etera mpaminany—Nitantara ny mahagaga sy ny mahatalanjona vitan' ny finoana i

Môrônia—Finoana no nahafahan' ny rahalahin' i Jarêda nahita an' i Kristy—Nanome fahalemena ny olona ny Tompo mba hahatonga azy hanetry tena—Namindra ny tendrombohitry i Zerina tamin' ny finoana ny rahalahin' i Jarêda—Ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana dia ilaina amin' ny famonjena—Nahita an' i Jesoa nifanatrika taminy i Môrônia.

ARY ny zava-nitranga dia tamin' ny andron' i Kôriantomira ny andron' i Etera; ary mpanjaka teo amin' ny tany manontolo i "Kôriantomira.

2 Ary i "Etera dia mpaminanin' ny Tompo; koa, nivoaka tamin' ny andron' i Kôriantomira i Etera ary nanomboka namina-ny tamin' ny vahoaka, fa tsy hay ^bnotohaina izy noho ny Fanahin' ny Tompo izay tao aminy.

3 Fa "nitory hatramin' ny maraina izy, ka hatramin' ny filentehin' ny masoandro, nitaona ny vahoaka hino an' Andriamanitra ka hibebaka, fandrao dia ^bhofongorana izy ireo, nilaza taminy fa tanterahina amin' ny ^dfinoana ny zava-drehetra—

4 Koa, na zovy na zovy no mino an' Andriamanitra dia mahazo "manantena amim-pahatokiana tokoa tontolo iray tsara kokoa, eny, dia toerana eo an-tanan' ankavanana' Andriamanitra dia fanantenana izay avy amin' ny finoana, mipetraka ho ^bvatofantsika ho an' ny fana-

20a TSM Fitsarana.

21a Etera 13:20–21.

23a Etera 1:6; 15:33–34.

12 1a Etera 13:13–31.

2a TSM Etera.

b Jer. 20:9; Enôsa 1:26;

Almà 43:1.

3a F&F 112:5.

b Etera 11:12, 20–22.

d TSM Finoana.

4a TSM Fanantenana.

b Heb. 6:19.

hin' ny olona, izay hahatonga azy ho azo antoka sy hifototra, hahefa be mandrakariva amin' ny ^aasa tsara ary ho voatarika ^ehankalaza an' Andriamanitra.

5 Ary ny zava-nitranga dia naminany zavatra lehibe sy mahatalanjona tamin' ny vahoaka i Etera, izay tsy ninoany, satria tsy hitany.

6 Ary ankehitriny, izaho Môrônia dia somary hiresaka ihany ny momba ireny zavatra ireny; tiako haseho izao tontolo izao fa ny ^afinoana dia ny zavatra izay ^bantenaina nefa ^dtsy hita; koa aza mitohika, satria tsy mahita ianareo, fa tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny ^efizahan-toetra ny finoanareo.

7 Fa tamin' ny finoana no nanehoan' i Kristy ny tenany tamin' ny razantsika, rehefa avy nitsangana tamin' ny maty Izy; ary tsy naneho ny tenany taminy Izy raha tsy efa nananany ny finoana Azy; koa tsy maintsy ilaina ny nananan' ny sasany finoana Azy, satria tsy naneho ny tenany tamin' izao tontolo izao Izy.

8 Nefa noho ny finoan' ny olona no efa nanehoany ny tenany tamin' izao tontolo izao sy nankalazany ny anaran' ny Ray ary nanomanany ny lalana izay hahatonga ireo hafa ho mpandray anjara amin' ny fanomezam-

pahasoavana avy any an-danitra, mba hahazoany manantena ireo zavatra ireo izay tsy hitany.

9 Koa, ianareo dia mety hana-na fanantenana koa sy ho tonga mpandray anjara amin' ny fanomezam-pahasoavana raha tsy te hanana afa-tsy finoana ianareo.

10 Indro tamin' ny finoana no ^aniantsoana ireo tamin' ny fahagola araka ny lamina masin' Andriamanitra.

11 Koa, tamin' ny finoana no nanomezana ny lalàn' i Mosesy. Nefa tao amin' ny fanomezana ny Zanany no efa nomanin' Andriamanitra ny ^alalana tena tsara indrindra ary tamin' ny finoana no efa nahatanteraka izany.

12 Fa raha tsy misy ^afinoana eo anivon' ny zanak' olombelona dia tsy afaka manao ^bfahagagana eo anivony Andriamanitra; koa tsy naneho ny tenany Izy raha tsy taorian' ny ninoan' izy ireo.

13 Indro, ny finoan' i Almà sy i Amioleka no nahatonga ny ^afonja hirodana tamin' ny tany.

14 Indro, ny finoan' i Nefia sy i Lehia no niteraka ^afiovana teo amin' ny Lamanita, ka dia natao batisa tamin' ny afo sy tamin' ny ^bFanahy Masina izy.

15 Indro ny finoan' i ^aAmôna sy ny rahalahiny no ^bnahatonga fahagagana lehibe fatratra teo anivon' ny Lamanita.

4d 2 Tan. 15:58.

e 3 Ne. 12:16.

6a Heb. 11:1.

b Roma. 8:24–25.

d Almà 32:21.

e 3 Ne. 26:11;

F&F 105:19; 121:7–8.

10a Almà 13:3–4.

TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

11a 2 Tan. 12:31.

12a 2 Ne. 27:23;

Môsîà 8:18;

Môrô. 7:37;

F&F 35:8–11.

b Mat. 13:58;

Môrm. 9:20.

13a Almà 14:26–29.

14a Hel. 5:50–52.

b Hel. 5:45; 3 Ne. 9:20.

15a Almà 17:29–39.

b Ie araka ny voalaza ao amin' ny Almà toko 17–26.

16 Eny, ary ireo rehetra izay nanao “fahagagana dia nanao izany tamin’ ny ^bfinoana, dia ireo izay talohan’ i Kristy ary koa ireo izay taty aoriana.

17 Ary tamin’ ny finoana no nahazoan’ ny mpianatra telo fampanantenana fa “tsy hanandrana fahafatesana izy ireo; ary tsy nahazo ny fampanantenana izy ireo raha tsy taorian’ ny ninoany.

18 Ary koa tsy nisy na iza na iza, na tamin’ ny fotoana inona na tamin’ ny fotoana inona, nahavita fahagagana raha tsy taorian’ ny ninoany; koa, nino ny Zanak’ Andriamanitra izy aloha.

19 Ary nisy maro izay natanjaka izaitsizy tokoa ny finoany, na dia “talohan’ ny niavian’ i Kristy aza, izay tsy hay notanana taty ivelan’ ny ^bvoaly, fa nahita marina tokoa tamin’ ny masony ny zavatra izay efa nojereny tamin’ ny mason’ ny finoana, ary faly izy ireny.

20 Ary indro, efa nahita tao amin’ ity rakitsoratra ity isika fa ny anankiray tamin’ ireny dia ny rahalahin’ i Jarèda; fa lehibe tokoa ny finoany an’ Andriamanitra, ka nony naroson’ Andriamanitra ny “rantsan-tànan’ dia tsy azony nafenina tamin’ ny fahitan’ ny rahalahin’ i Jarèda izany, noho ny teniny izay efa noteneniny taminy, teny izay efa azony tamin’ ny finoana.

21 Ary nony efa nahatazana

ny rantsan-tànan’ ny Tompo ny rahalahin’ i Jarèda, noho ny “fampanantenana izay efa azon’ ny rahalahin’ i Jarèda tamin’ ny finoana, dia tsy afaka nihazona na inona na inona tsy ho hitany ny Tompo; koa nasehony azy ny zava-drehetra, fa tsy hay notanana intsony tany ivelan’ ny ^bvoaly izy.

22 Ary amin’ ny finoana no efa ahazoan’ ny razako ny “fampanantenana fa ireto zavatra ireto dia ho tonga any amin’ ny rahalahiny amin’ ny alalan’ ny Jentilisa; koa efa nandidy ahy ny Tompo, eny, dia i Jesoa Kristy.

23 Ary hoy aho Taminy: Tompo ô, hanaraby ireto zavatra ireto ny Jentilisa, noho ny “fahalemenay amin’ ny soratra; satria Ianao Tompo dia efa nanao anay mahery tamin’ ny teny, tamin’ ny finoana, saingy tsy nataonao ^bmahery tamin’ ny soratra izahay; fa efa nataonao tamin’ ity vahoaka rehetra ity izay nahafahany niteny betsaka, noho ny Fanahy Masina izay efa nomenao azy;

24 Ary efa nataonao taminay izay tsy nahafahanay nanoratra afa-tsy kely, noho ny fitavoza-vozan’ ny tananay. Indro, tsy nataonao mahery tamin’ ny “soratra tahaka ny rahalahin’ i Jarèda izahay, fa nataonao mahery tahaka Anao ny zavatra izay nosoratany, ho fampanenakena ny olona hamaky izany.

16a TSM Fahagagana.

^b Heb. 11:7–40.

17a 3 Ne. 28:7;

Môrm. 8:10–12.

19a 2 Ne. 11:1–4;

Jakôba 4:4–5;

Jarôma 1:11;

Almà 25:15–16.

^b Etera 3:6.

TSM Voaly.

20a Etera 3:4.

21a Etera 3:25–26.

^b Etera 3:20;

F&F 67:10–13.

22a Enôsa 1:13.

23a Môrm. 8:17; 9:33.

^b 2 Ne. 33:1.

24a TSM Fiteny.

25 Efa nataonao mahery sy lehibe koa ny teninay, ka dia tsy afaka manoratra izany izahay; koa, rehefa manoratra izahay dia mahita ny fahalemenay ary tafintohina noho ny fandrindrana ny teninay; ary matahotra aho fandrao “hanaraby ny teninay ny Jentilisa.

26 Ary nony efa nilaza izany aho, dia niteny tamiko ny Tompo hoe: “Manaraby ny adala, nefa hitoloko izy; ary ny fahasovako dia ampy ho an’ ny malemy fanahy, ka tsy hanaraoatra ny fahalemenareo izy;

27 Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny “fahalemeny. ^bOmeko ho an’ ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; ary ampy ho an’ ny olon-drehetra ny “fahasovako mba ^chanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manampinoana Ahy, amin’ izany, ny ^dzavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy.

28 Indro, hasehoko ny Jentilisa ny fahalemeny sy hasehoko azy fa ny “finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana no mitondra mankaty Amiko—loharanon’ ny fahamarinana rehetra.

29 Ary izaho Môrônia, rehefa nandre ireo teny ireo, dia nionona ary nanao hoe: Tompo ô, hatao anie ny sitraponao

marina, satria fantatro fa Ianao dia miasa ho an’ ny zanak’ olombelona araka ny finoany;

30 Fa ny rahalahin’ i Jarêda dia niteny tamin’ ny tendrombohitry i Zerina hoe, “Mifindra—dia nafindra izany. Ary raha tsy nanam-pinoana izy dia tsy ho nifindra izany; koa, Ianao dia miasa aorian’ ny ananan’ ny olona finoana.

31 Fa toy izany no nanehoanao ny tenanao tamin’ ny mpianatrao; fa nony efa nanam-“pinoana izy ireo ary niteny tamin’ ny anaranao, dia naneho ny tenanao taminy tamin-kery lehibe Ianao.

32 Ary tsaroako koa, satria efa nolazainao fa efa manomana trano ho an’ ny olona Ianao, eny, dia any anivon’ ny “fonenan’ ny Rainao, izay ahazoan’ ny olona manana ny ^bfanantenana tena tsara indrindra; koa tsy maintsy manantena ny olona, raha tsy izany izy dia tsy afaka mandray ny lova ao amin’ ny fitoerana izay efa nomaninao.

33 Ary tsaroako koa, satria efa nolazainao fa efa “tia izao tontolo izao Ianao, ka nahafoy ny ainao mihitsy ho an’ izao tontolo izao, mba hahazoanao maka izany indray mba hanomana ny fitoerana ho an’ ny zanak’ olombelona.

34 Ary ankehitriny dia fantatro

25a 2 Tan. 2:14.

26a Gal. 6:7.

27a Jakôba 4:7.

^b Eks. 4:11;

2 Tan. 1:27.

^d TSM Fahasoavana.

^e Lio. 18:10–14;

F&F 1:28.

TSM Fanetren-tena.

^f Lio. 9:46–48;

2 Kor. 12:9.

28a 2 Tan. 13:1–13;

Môrô. 7:39–47.

30a Mat. 17:20;

Jakôba 4:6;

Hel. 10:6, 9.

TSM Hery.

31a TSM Finoana.

32a Jao. 14:2;

Enôsa 1:27;

F&F 72:4; 98:18.

^b TSM Fanantenana.

33a Jao. 3:16–17.

fa izany “fitiavana izay efa nanananao ho an’ ny zanak’ olombelona izany dia ny fiantrana; koa, raha tsy manana fiantrana ny olona dia tsy afaka mandova izany fitoerana izay efa nomaninao any amin’ ny fonenan-dRainao izany.

35 Koa, fantatro amin’ izany zavatra izay efa nolazainao izany, fa raha tsy manana fiantrana ny Jentilisa, noho ny fahalemenay, dia hozahanao toetra izy, ary hoesorinao ny “talentany, eny, na dia izay efa noraisiny aza, ary homena izay manana bebe kokoa.

36 Ary ny zava-nitranga dia nivavaka tamin’ ny Tompo aho mba hanomezany “fahasoavana ho an’ ny Jentilisa, mba hananany fiantrana.

37 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Raha tsy manana fiantrana izy dia tsy ahoanao izany, efa nahatoky ianao; koa, “hodiovina ny fitafiana. Ary noho ianao efa nahita ny ^bfahalemena dia hohatanjahina ianao, ka hipetraka mihitsy ao amin’ ny fitoerana izay efa nomaniko any amin’ ny fonenan-dRaiko.

38 Ary ankehitriny, izaho Môrôna dia manao veloma ny Jentilisa, eny, ary koa ny rahalahiko izay tiako, ambara-pihaonantsika eo anoloan’ ny

“toeram-pitsaran’ i Kristy, izay hahafantaran’ ny olon-drehetra fa tsy voapentin’ ny ranareo ny ^bfitafiako.

39 Ary ho fantatrareo amin’ izany fa efa “nahita an’ i Jesoa aho, ary efa niresaka tamiko ^bnifanatrika Izy ary niteny tamiko tamin’ ny fanetren-tena tsotra, dia tahaka ny olona iray miresaka amin’ ny iray hafa, amin’ ny fiteniko ihany, ny momba ireo zavatra ireo;

40 Ary vitsivitsy ihany no efa nosoratako, noho ny fahalemenako amin’ ny soratra.

41 Ary ankehitriny aho dia manafatrafatra anareo “hikatsaka ity Jesoa ity izay efa nosoratan’ ny mpaminany sy ny apostoly ny Aminy. Ka ny fahasoavan’ Andriamanitra Ray, ary koa ny an’ i Jesoa Kristy Tompo sy ny Fanahy Masina izay vavolombelona ^bmanambara Azy Ireo, ho aminareo sy hitoetra aminareo mandrakizay. Amena.

TOKO 13

Niresaka ny amin’ i Jerosalema Vaovao izay haorin’ ny taranak’ i Josefa any Amerika i Etera—Naminany izy, voaroaka, nanoratra ny tantaran’ ny Jarêdita ary nilaza mialoha ny famongorana ny

34a Môrô. 7:47.

TSM Fiantrana;
Fitiavana.

35a Mat. 25:14–30.

TSM Fanomezam-
pahasoavana;
Talenta.

36a TSM Fahasoavana.

37a F&F 38:42; 88:74–75;
135:4–5.

^b Etera 12:27.

38a TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

^b Jakôba 1:19.

39a TSM Jesoa Kristy—
Fisehoan’ i Kristy

taorian’ ny
fitsanganany
tamin’ ny maty.

^b Gen. 32:30;
Eks. 33:11.

41a F&F 88:63; 101:38.

^b 3 Ne. 11:32.

Jarèdita — Nirongatra ny ady eran' ny tany manontolo.

ARY ankehitriny izaho Môrônia dia miroso amin' ny famaranana ny rakitsoratro momba ny famongorana ny vahoaka izay efa nosoratako ny aminy.

2 Fa indro, notsipahiny avokoa ny tenin' i Etera; fa niteny tamin' marina tokoa ny momba ny zavatra rehetra izy, hatry ny fiandohan' ny olona; ary nony efa "nisintona niala tambonin' ity tany ity ny rano, dia tonga tany nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra izany, tany nofinidin' ny Tompo; koa mba tian' ny Tompo ny ^bhanompoan' ny olona rehetra izay monina eo ambonin' izany tany izany Azy;

3 Ary izany no toeran' i "Jerosalema Vaovao izay ^bhidina avy any an-danitra sy ho toerana masina ho an' ny Tompo.

4 Indro, nahita ny andron' i Kristy i Etera ary noteneniny ny momba an' i "Jerosalema Vaovao eo amin' ity tany ity.

5 Ary noteneniny koa ny momba ny mpianakavin' i Isiraely sy i "Jerosalema izay avy any no hiavian' i ^bLehia — fa aorian' ny handravana azy dia haorina indray izy, ^atanàna masina ho an' ny Tompo; koa tsy mety ho Jerosalema Vaovao izy,

satria efa teo izy tamin' ny fahagolan-tany; nefa dia haorina indray izy, ary ho tonga tanàna masin' ny Tompo; ary izy dia haorina ho an' ny mpianakavin' i Isiraely —

6 Ary haorina eo amin' ity tany ity i "Jerosalema Vaovao, ho an' ny sisa tavela amin' ny taranak' i ^bJosefa, fa efa nisy ^atandindona izany zavatra izany.

7 Fa tahaka ny nitondran' i Josefa an-drainy nidina tany amin' ny tany "Egypta, dia tahaka izany no nahafatesany tany; koa nentin' ny Tompo ny anankiray tamin' ny taranak' i Josefa, niala ny tanin' i Jerosalema, mba hahafeno famindram-po Azy amin' ny taranak' i Josefa ka tsy ^bhahafaty azy, dia tahaka ny nahafeno famindram-po Azy tamin' ny rain' i Josefa mba tsy hahafaty azy.

8 Koa, ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Josefa dia haorina eo amin' ity "tany ity; ary ho tany lovany izany; ary hanorina tanàna masina ho an' ny Tompo izy ireo, tahaka an' i Jerosalema fahizay; ary ^btsy hokorokoroana intsony izy ireo, mandra-pahatongan' ny farany rehefa ho lasana ny tany.

9 Ary hisy ^alanitra vaovao sy tany vaovao; ary izany dia ho tahaka ny teo aloha saingy efa

13 2a Gen. 7:11-24; 8:3.

b Etera 2:8.

3a 3 Ne. 20:22; 21:23-24.

TSM Jerosalema
Vaovao.

b Fan. 3:12; 21:2.

4a TSM Ziona.

5a TSM Jerosalema.

b 1 Ne. 1:18-20.

d Fan. 21:10;

3 Ne. 20:29-36.

6a F&F 42:9; 45:66-67;

84:2-5; Fp. 1:10.

b TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

d Almà 46:24.

TSM Fanehoana an'

Ohatra.

7a Gen. 46:2-7; 47:6.

b 2 Ne. 3:5.

8a TSM Tany
Nampanantenaina.

b Môrô. 10:31.

9a 2 Pet. 3:10-13;

Fan. 21:1; 3 Ne. 26:3;

F&F 101:23-25.

lasana ny teo aloha, ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

10 Ary amin' izany dia tonga i Jerosalema Vaovao; ary hotahiana ireo izay monina ao, fa izy ireo no ireo izay "fotsy ny fitafiany tamin' ny alalan' ny ran' ny Zanakondry; ary izy ireo no ireo izay isaina eo anivon' ny sisa tavela amin' ny taranak' i Josefa, izay avy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

11 Ary amin' izany dia tonga koa i Jerosalema fahizay; ary ny mponina ao aminy dia hotahiana, fa efa nosasana tamin' ny ran' ny Zanakondry ireo; ary izy ireo no ireo izay efa naely patrana sy "nangonina avy tamin' ny vazan-tany efatra sy avy tamin' ny ^btany avaratra, ary mpandray anjara amin' ny fanatanterahina ny fanekempihavanana izay efa nataon' Andriamanitra tamin' i "Abrahama rainy.

12 Ary rehefa tonga ireo zavatra ireo, dia to ny soratra masina izay milaza, fa misy ireo izay "voalohany ho farany; ary misy ireo izay farany ho voalohany.

13 Ary efa saika hanoratra misimisy kokoa aho, saingy voarara; nefa lehibe sy mahatalanjona ny faminanian' i Etera; saingy noheverin' izy ireo ho tsinontsinona izy ary noroahiny izy hiala; ary nanafina ny tenany tao an-dava-bato izy nandritra ny andro, ary nandritra ny alina izy dia nandeha nitazana

ny zavatra izay hihatra amin' ny vahoaka.

14 Ary raha nitoetra tao an-dava-bato izy, dia nanao ny sisa ambiny tamin' ity rakitsoratra ity, nitazana ny fandravana izay nihatra tamin' ny vahoaka nandritra ny alina.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io ihany izay nandroahana azy hiala avy teo anivon' ny vahoaka, dia nanomboka nisy ady lehibe teo anivon' ny vahoaka, fa nisy maro izay nitsangana, izay lehilahy mahery sy nikatsaka ny hamono an' i Kôriantomira tamin' ny alalan' ny tetika miafin' ny faharatsiana izay efa voateny.

16 Ary ankehitriny i Kôriantomira, rehefa nampiana-tena tamin' ny haiady rehetra sy ny hafetsen' izao tontolo izao rehetra, dia namaky ady tamin' izay nikatsaka ny hamono azy izy.

17 Nefa tsy nibebaka na izy, na ny zanany lahy kanto na ny zanany vavy kanto; na ny zanakalahy kanto na ny zanakavavy kanto an' i Kôhôra; na ny zanakalahy kanto na ny zanakavavy kanto an' i Kôrihôra; ary raha fintinina, dia tsy nisy na dia iray aza tamin' ny zanakalahy sy ny zanakavavy kanto eran' ny tany manontolo izay nibebaka tamin' ny fahotany.

18 Koa, ny zava-nitranga, tamin' ny taona voalohany nitoeran' i Etera tao an-dava-bato, dia nisy ny olona maro izay

10a Fan. 7:14;

1 Ne. 12:10-11;

Almà 5:27.

11a TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny Isiraely.

^b F&F 133:26-35.

^d TSM Fanekempihava-

nan' i Abrahama.

12a Mar. 10:31;

1 Ne. 13:42;

Jakôba 5:63; F&F 90:9.

novonoin' ireo "tsikombakomba miafina ireo tamin' ny sabatra, niady tamin' i Kôriantomira hahazoany ny fanjakana.

19 Ary ny zava-nitranga dia niady fatratra sy nibabara fatratra ny zanakalahin' i Kôriantomira.

20 Ary tamin' ny taona faharoa, dia tonga tamin' i Etera ny tenin' ny Tompo, fa tokony handeha izy ary haminany amin' i "Kôriantomira fa raha mibebaka izy sy ny ankohonany rehetra dia homen' ny Tompo azy ny fanjakana ary hotsimbinina ny vahoaka—

21 Raha tsy izany dia hofongorana izy ireo sy ny ankohonany rehetra afa-tsy ny tenany. Ary ny hany hahavelomany dia ny hahitany ny fahatanterahin' ny faminiana izay efa notenenina momba ny "vahoaka hafa izay handray ny tany ho lovany; ary haleviny i Kôriantomira; ary ho fongana ny olona tsirairay afa-tsy i ^bKôriantomira.

22 Ary ny zava-nitranga dia tsy nibebaka na i Kôriantomira, na ny ankohonany, na ny vahoaka; ary tsy nitsahatra ny ady; ary nokatsahin' izy ireo ny hamono an' i Etera, nefa nandositra avy teo anoloany izy ary niafina indray tao an-dava-bato.

23 Ary ny zava-nitranga dia nisy an' i Sarèda nitsangana, ary izy koa dia namaky ady tamin' i Kôriantomira sy nandresy azy, hany ka tamin' ny taona fahatelo dia nentina ho babo izy.

24 Ary tamin' ny taona fahefa-

tra, dia nandresy an' i Sarèda sy nahazo indray ny fanjakana ho an-drainy ny zanakalahin' i Kôriantomira.

25 Ankehitriny dia nanomboka nisy ady teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, ny olona tsirairay niaraka tamin' ny antokony dia niady ho an' izay niriany.

26 Ary nisy ny jirika, ary raha fintinina, ny karazana faharatsiana rehetra dia teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

27 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa tamin' i Sarèda i Kôriantomira ary nandeha niaraka tamin' ny miaramilany niady taminy; ary izy ireo dia nifanandrina tao amin' ny fahatezerana lehibe sy nifanandrina tao an-dohasahan' i Gilgala; ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady.

28 Ary ny zava-nitranga dia niady taminy nandritra ny telo andro i Sarèda. Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy i Kôriantomira ary nanenjika azy mandra-pahatongany teo amin' ny lemak' i Heslôna.

29 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy indray i Sarèda teo amin' ny lemaka; ary indro, nandresy an' i Kôriantomira izy ary nanosika azy hiverina indray any an-dohasahan' i Gilgala.

30 Ary namaky ady tamin' i Sarèda indray i Kôriantomira, tao an-dohasahan' i Gilgala, tamin' izany no nandreseny an' i Sarèda sy namonoany azy.

31 Ary nandraatra an' i Kôriantomira teo amin' ny feny i Sarèda, ka dia tsy nandeha niady indray izy tao anatin' ny roa taona, nandritra izany fotoana izany ny vahoaka rehetra teo amin' ny lafin-tany dia nandatsa-dra, ary tsy nisy nahasakana azy.

TOKO 14

Nitondra ozona teo amin' ny tany ny heloky ny vahoaka — Rafitra niady tamin' i Gileada, tamin' i Liba avy eo, ary rehefa izany dia tamin' i Siza i Kôriantomira — Nandrakotra ny tany ny ra sy ny fandranganana.

ARY ankehitriny dia nanomboka nisy “ozona lehibe teo amin' ny tany manontolo noho ny heloky ny vahoaka, ka raha nametraka ny fitaovany na ny sabany teo amin' ny talantalany na tamin' ny toerana izay ho nitanany izany ny olona iray, dia indro, tsy nety ho hitany izany ny ampitso, fa lehibe loatra ny ozona teo amin' ny tany.

2 Koa ny olona tsirairay dia nifikitra tamin' izay nananany tamin' ny tanany, ary sady tsy nindrana no tsy nampindrana; ary ny olona tsirairay dia niha-zona ny fitanana ny sabany tamin' ny tanany an-kavanana ho fiarovana ny fananany sy ny ainy ary ny andefimandriny sy ny zanany.

3 Ary ankehitriny, nony afaka ny roa taona sy taorian' ny faha-

fatesan' i Sarèda, dia indro nitsangana ny rahalahin' i Sarèda ary namaky ady tamin' i Kôriantomira ka tamin' izany no nandresen' i Kôriantomira azy sy nanenjehiny azy hatrany antany foanan' i Akisa.

4 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy tany an-tany foanan' i Akisa ny rahalahin' i Sarèda; ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, ary an' arivony maro no lavo tamin-tsabatra.

5 Ary ny zava-nitranga dia nanao fahirano tany an-tany foana i Kôriantomira; ary ny rahalahin' i Sarèda dia nandeha nivoaka ny tany foana tamin' ny alina sy namono ny ampahany tamin' ny miaramilan' i Kôriantomira, raha mbola mamo ireo.

6 Ary nivoaka nankao antanin' i Môrôna izy ary nametraka ny tenany teo amin' ny seza fiandrianan' i Kôriantomira.

7 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra niaraka tamin' ny miaramilany tany an-tany foana nandritra ny roa taona i Kôriantomira, tamin' izany no nandraisany hery lehibe ho an' ny miaramilany.

8 Ankehitriny ny rahalahin' i Sarèda, izay i Gileada no anarany, dia nandray koa hery lehibe ho an' ny miaramilany, noho ny tsikombakomba miafina.

9 Ary ny zava-nitranga dia novonoin' ny mpisorony avo izy raha nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany.

10 Ary ny zava-nitranga dia ny

anankiray tamin' ny tsikombakomba mifaina no namono azy tao amin' ny hadilalana mifaina, ary nahazo ny fanjakana ho an' ny tenany; ary i Liba no anarany; ary i Liba dia lehilahy vaventy tsanganana, nihoatra ny olon-kafa teo anivon' ny vahoaka rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona voalohan' i Liba, dia niakatra tao an-tanin' i Môrôna i Kôriantomira ary namaky ady tamin' i Liba.

12 Ary ny zava-nitranga dia niady tamin' i Liba izy, ka tamin' izany dia namely ny sandriny i Liba, ka dia naratra izy; na dia teo aza izany dia nibosesika nanafika an' i Liba hatrany ny miaramilan' i Kôriantomira, hany ka nandositra izy nankamin' ny sisintany nanemitra ny moron-dranomasina.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy i Kôriantomira; ary namaky ady taminy teo amoron-dranomasina i Liba.

14 Ary ny zava-nitranga dia namely ny miaramilan' i Kôriantomira i Liba, ka dia nandositra indray ireo nankany an-tany foanan' i Akisa.

15 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy i Liba ambara-pahatongany teo amin' ny lemak' i Agôsa. Ary efa nalain' i Kôriantomira avokoa ny vahoaka hiaraka aminy raha nandositra teo anoloan' i Liba izy tany amin' izany faritry ny tany izay nandosirany izany.

16 Ary nony efa tonga teo

amin' ny lemak' i Agôsa izy dia namaky ady tamin' i Liba sy namely azy ambara-pahafatiny; na dia teo aza izany, dia tonga niady tamin' i Kôriantomira teo amin' ny toerany ny rahalahin' i Liba, ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, ka tamin' izany i Kôriantomira dia nandositra indray teo anoloan' ny miaramilan' ny rahalahin' i Liba.

17 Ankehitriny ny anaran' ny rahalahin' i Liba dia nantsoina hoe Siza. Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Kôriantomira i Siza ary nandrodana tanàna maro sy namono na vehivavy na ankizy ary nandoro ireo tanàna.

18 Ary niparitaka eran' ny tany manontolo ny fahatahorana an' i Siza; eny, niparitaka eran' ny tany ny feo—Iza no mahajoro eo anoloan' ny miaramilan' i Siza? Indro, mifaoka ny tany eo anoloany izy!

19 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitsitokotoko ho miaramila ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

20 Ary nizarazara izy ireo; ary ny ampahany iray taminy dia nandositra nankamin' ny miaramilan' i Siza, ary ny ampahany iray taminy dia nandositra nankamin' ny miaramilan' i Kôriantomira.

21 Ary lehibe sy naharitra loatra ny ady, ary naharitra ela loatra ny fisian' ny fandatsahan-dra sy ny fandranganana, ka ny lafiny manontolo tamin' ny tany dia rakotry ny "vatan' ny maty.

22 Ary mailaka sy faingana

loatra ny ady ka tsy nisy iray tavela mba handevina ny maty, fa izy ireo kosa dia nandeha avy tamin' ny fandatsahan-dra nan-kamin' ny fandatsahan-dra, namela ny vatan' ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy hihahaka tambonin' ny tany mba ho tonga haza ho an' ny "kankan' ny nofo.

23 Ary ny fofony dia niely tamin' ny lafin-tany, dia tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany; koa ny vahoaka dia tonga sorena na andro na alina, noho ny fofony.

24 Na dia teo aza izany, dia tsy nitsahatra ny nanenjika an' i Kôriantomira i Siza; fa efa nianiana izy ny hamalian' ny tenany amin' i Kôriantomira ny ran' ny rahalahiny izay efa novonoina sy ny tenin' ny Tompo izay tonga tamin' i Etera fa i Kôriantomira dia tsy ho lavo amin-tsabatra.

25 Ary dia toy izany no ahi-tantsika fa ny Tompo dia efa namangy azy ireo tao amin' ny fahafenoan' ny fahatezerany, ary ny faharatsiany sy ny fahavetavetany no efa nanomana ny lalana ho amin' ny famongorana azy ireo maharitra mandrakizay.

26 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Kôriantomira niantsinanana i Siza, na dia hatrany amin' ny sisin-tany akai-kin' ny moron-dranomasina aza, ary tao izy no namaky ady tamin' i Siza nandritra ny telo andro.

27 Ary nahatsiravina loatra ny famongorana teo anivon' ny

miaramilan' i Siza ka nanombo-ka nihorohoro ny vahoaka ary nanomboka nandositra teo anoloan' ny miaramilan' i Kôriantomira; ary nandositra izy ireo nankany an-tanin' i Kôrihôra sy nifaoka ny mponina teo anoloany, izay rehetra tsy nety nitambatra taminy.

28 Ary nanangana ny lainy tao an-dohasahan' i Kôrihôra izy ireo; ary nanangana ny lainy tao an-dohasahan' i Sora i Kôriantomira. Ankehitriny, ny lohasahan' i Sora dia akaikin' ny havoanan' i Kômônôra; koa i Kôriantomira dia nanangona miaraka ny miaramilany teo amin' ny havoanan' i Kômônôra sy nampitsoka trompetra ho an' ny miaramilan' i Siza hanainga azy ireo hiady.

29 Ary ny zava-nitranga dia nandroso izy ireo, saingy voatosika indray; ary niverina fanindroany izy ireo, ary voatosika fanindroany indray. Ary ny zava-nitranga dia niverina fanintelony indray izy ireo, ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady.

30 Ary ny zava-nitranga dia namely an' i Kôriantomira i Siza ka nanome azy ratra lalina maro; ary i Kôriantomira, rehefa nahaverezana ny rany, dia torana ary nentina niala, miova tsy toy ny maty.

31 Ankehitriny ny famoizana lehilahy, vehivavy ary ankizy teo amin' ny andaniny roa dia lehibe loatra, ka nandidy ny olony i Siza tsy hanenjehiny

ny miaramilan' i Kôriantomira; koa, niverina tany amin' ny tobiny izy ireo.

TOKO 15

An-tapitrisany ny Jarèdita voavono an' ady—Namory ny olony rehetra ho amin' ny ady mahafaty i Siza sy i Kôriantomira—Nitsahatra ny fitaoman' ny Fanahin' ny Tompo azy ireo—Fongotra tanteraka ny firenena Jarèdita. I Kôriantomira ihany no tafajanona.

ARY ny zava-nitranga, nony efa nanaritra tamin' ny ratrany i Kôriantomira, dia nanomboka nahatsiaro ny "teny izay efa notenenin' i Etera taminy izy.

2 Hitany fa efa nisy sahadry sahabo ho roa tapitrisa tamin' ny olony no efa novonoina tamin-tsabatra, ary nanomboka nalahelo tao am-pony izy; eny, efa nisy roa tapitrisa tamin' ny lehilahy mahery, ary koa ny andefimandriny sy ny zanany no novonoina.

3 Nanomboka nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony izy; nanomboka nahatsiaro ny teny izay efa notenenin' ny vavan' ireo mpaminany rehetra izy, ary hitany fa izany dia efa tanteraka hatrizao, tamin' ny antsipiriany rehetra; ary nalahelo ny fanahiny ary nandà ny hampiononina.

4 Ary ny zava-nitranga dia nanoratra taratasy ho an' i Siza izy, naniry azy ny hitsimbiny ny vahoaka, ary dia hafoiny

ny fanjakana noho ny ain' ny vahoaka.

5 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandray ny taratasy i Siza, dia nanoratra taratasy ho an' i Kôriantomira izy, fa raha mitolo-batana izy mba hahazoany mamono azy amin' ny sabany ihany, dia hotsimbiny ny ain' ny vahoaka.

6 Ary ny zava-nitranga dia tsy nibebaka tamin' ny helony ny vahoaka; ary ny vahoakan' i Kôriantomira dia novokisana ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Siza; ary ny vahoakan' i Siza dia novokisana ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira; koa, ny vahoakan' i Siza dia namaky ady tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira.

7 Ary nony nahita i Kôriantomira fa efa saiky lavo izy, dia nandositra indray teo anoloan' ny vahoakan' i Siza izy.

8 Ary ny zava-nitranga dia tonga teo amin' ny ranon' i Ripliankoma izy, izay midika hoe, midadasika, na mihoatra ny rehetra; koa, rehefa tonga teo amin' ireo rano ireo izy dia nanangana ny lainy; ary i Siza koa nanangana ny lainy teo akaikiny; ary noho izany, ny ampitso dia tonga izy mba hiady.

9 Ary ny zava-nitranga dia nikatroka tao amin' ny ady mangotraka izaitsizy tokoa izy ireo, ka tamin' izany dia naratra indray i Kôriantomira, ary torana izy noho ny fahaverezan-dra.

10 Ary ny zava-nitranga dia nibosesika nanafika ny miara-

milan' i Siza ny miaramilan' i Kôriantomira ka nandresy azy, ka nataony izay handosirany teo anoloany; ary nandositra nianatsimo izy ary nanangana ny lainy teo amin' ny toerana izay nantsoina hoe i Ôgata.

11 Ary ny zava-nitranga dia nanangana ny lainy teo akaikin' ny havoanan' i Ramà ny miaramilan' i Kôriantomira; ary io ihany ilay havoana izay "nana-fenan' i Môrmôna raiko ho an' ny Tompo ny rakitsoratra izay masina.

12 Ary ny zava-nitranga dia nangoniny miaraka avokoa ny vahoaka tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, izay tsy voavono, afa-tsy i Etera.

13 Ary ny zava-nitranga dia nitazana izay rehetra nataon' ny vahoaka i Etera; ary hitany fa ny vahoaka izay mpomba an' i Kôriantomira dia nangonina miaraka tao amin' ny miaramilan' i Kôriantomira; ary ny vahoaka izay mpomba an' i Siza dia nangonina miaraka tao amin' ny miaramilan' i Siza.

14 Koa, nangonin' izy ireo miaraka ny vahoaka nandritra ny efa-taona mba hahazoany ireo rehetra izay teo amin' ny lafin' ny tany, ary mba hahazoany mandray ny hery rehetra izay tratrany hahazoany mandray izany.

15 Ary ny zava-nitranga nony efa niangona miaraka ny rehetra, ka ny tsirairay dia tao amin' ny miaramila izay nofinidiny avy, niaraka tamin' ny andefi-

mandriny sy ny zanany—na lahy na vavy na ankizy dia nampirongoana fitaovam-piadiana, nanana ampinga sy "saron-tratra ary satro-by, ary niakanjo araka ny fombafomba amin' ny ady—dia nandeha mba hifanandrina amin' ny ady ny andaniny sy ny ankilany; ary niady izy ireo nandritra ny manontolo andro, ary tsy naharesy.

16 Ary ny zava-nitranga nony tonga ny alina dia trotraka izy ireo, ary nisintona tany amin' ny tobiny; ary nony efa nisintona tao amin' ny tobiny izy ireo, dia nanomboka nidradradradra sy nitoloko noho ny famoizana ny voavono tamin' ny vahoakany; ary lehibe loatra ny hiakany, ny fidradradradrany ary ny fitolokoany, ka nandrovitra ny habakabaka izaitsizy tokoa ireny.

17 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia nandeha niady indray izy ireo, ary lehibe sy mahatsiravina izany andro izany; na dia teo aza izany dia tsy naharesy izy ireo, ary nony tonga indray ny alina, dia nandrovitra ny habakabaka tamin' ny hiakany sy ny fidradradradrany ary ny fitomaniany izy ireo noho ny famoizana ny voavono tamin' ny vahoaka.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanoratra taratasy indray ho an' i Siza i Kôriantomira, naniry ny tsy hahatongavany hiady intsony, fa ny handraisany kosa ny fanjakana sy ny hitsimbina-ny ny ain' ny vahoaka.

19 Nefa indro, efa nitsahatra ny fitaoman' ny Fanahin' ny Tompo azy ireo, ary nanana fahefana feno tamin' ny fon' ny vahoaka i "Satana; fa nanaram-po tamin' ny hamafin' ny fony sy ny fahajamban' ny sainy izy ireo mba hamongorana azy ireo; koa nandeha indray izy ireo mba hiady.

20 Ary ny zava-nitranga dia niady izy ireo nandritra iny manontolo andro iny, ary nony tonga ny alina dia natory teo amin' ny sabany izy ireo.

21 Ary nony ampitso dia niady izy ireo ambara-pahatongan' ny alina.

22 Ary nony tonga ny alina dia "mamon' ny fahatezerana izy ireo, dia tahaka ny olona mamon-divay; ary natory teo amin' ny sabany indray izy ireo.

23 Ary nony ampitso dia niady indray izy ireo; ary nony tonga ny alina dia efa lavon-tsabatra avokoa izy ireo, afa-tsy roa amby dimampolo tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira sy sivy amby enimpolo tamin' ny vahoakan' i Siza.

24 Ary ny zava-nitranga dia natory teo amin' ny sabany izy ireo io alina io, ary ny ampitso dia niady indray, ary niady tamin' ny heriny izy ireo iny manontolo andro iny, niaraka tamin' ny sabany sy niaraka tamin' ny ampiny.

25 Ary nony tonga ny alina dia nisy roa amby telopolo ny vahoakan' i Siza, ary fito amby

roapolo ny vahoakan' i Kôriantomira.

26 Ary ny zava-nitranga dia nihinana sy natory ary niomana ny ho faty izy ireo ny ampitso. Ary lehilahy vaventy sy matanjaka izy ireo raha ny tanjak' olombelona.

27 Ary ny zava-nitranga dia niady nandritra ny ora telo izy ireo ary safotra noho ny fahaverezan-dra.

28 Ary ny zava-nitranga, nony efa nahazo tanjaka ampy izay nahafahany namindra ny olon' i Kôriantomira, dia efa saika handositra izy ireo hamonjy ny ainy; nefa indro, nitsangana i Siza, ary koa ny olony, ary nianiana tao amin' ny fahatezerany izy fa hovanoiny i Kôriantomira na ho faty amin-tsabatra izy.

29 Noho izany dia nenjehiny izy ireo, ary nony ampitso dia tratrany izy ireo; ary niady indray tamin-tsabatra izy ireo. Ary ny zava-nitranga nony efa "lavo tamin-tsabatra avokoa izy ireo, afa-tsy i Kôriantomira sy i Siza, dia indro efa torana i Siza noho ny fahaverezan-dra.

30 Ary ny zava-nitranga, nony efa niankina tamin' ny sabany i Kôriantomira mba hiala sasatra kely, dia notapahiny hiala ny lohan' i Siza.

31 Ary ny zava-nitranga, nony efa notapahiny hiala ny lohan' i Siza, dia niarina tamin' ny tanany i Siza ary nianjera; ary rehefa avy nioitra izy mba haina, dia maty.

32 Ary ny zava-nitranga dia

lavo tamin' ny tany i "Kôriantomira, ary tonga toy ny tsy nana' aina.

33 Ary niteny tamin' i Etera ny Tompo ary nanao taminy hoe: Mivoaha. Dia nivoaka izy, ary nahita fa efa to avokoa ny tenin' ny Tompo; ary nofaranany ny "rakitsorany; (ary tsy nanoratra ny am-pahazatony taminy aho) ary nafeniny izany araka ny

fomba izay nahitan' ny vahoakan' i Limia izany.

34 Ankehitriny ny teny farany izay voasoratr' i "Etera dia izao: Na sitraky ny Tompo ny haka ahy ho any an-danitra, na hiaritry ny sitrapon' ny Tompo ao amin' ny nofo aho, dia tsy ahoako, raha toa ka voavonjy aho ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Amena.

BOKIN' I MÔRÔNIA

TOKO 1

Nanoratra ho tombontsoan' ny Lamanita i Môrônia — Ny Nefita izay tsy te handà an' i Kristy dia novonoina ho faty. Tokony ho 401–421 taorian' i j.k.

ANKEHITRINY, izaho "Môrônia rehefa avy namarana ny famintinana ny tantaran' ny vahoakan' i Jarèda, dia efa nihevitra ny tsy hanoratra intsony, nefa tsy mbola maty aho; ary tsy ampahafantariko ny Lamanita ny tenako fandrao hamongotra ahy izy.

2 Fa indro, nangotraka izaitsizy tokoa ny "adiny teo amin' izy samy izy; ary noho ny fan-kahalany dia^b novonoiny ho faty ny Nefita tsirairay izay tsy te handà an' i Kristy.

3 Ary izaho Môrônia dia tsy "handà an' i Kristy; koa nire-

nireny aho na taiza na taiza azoko naleha ho fitandroako ny aiko.

4 Koa manoratra zavatra misimisy ihany aho, satria tsy araka izay efa noheveriko; satria efa noheveriko ny tsy hanoratra intsony; nefa manoratra zavatra misimisy ihany aho, fa angamba mba hisy lanjany ireny ho an' ny Lamanita rahalahiko, amin' ny andro ho avy, araka ny sitrapon' ny Tompo.

TOKO 2

Nanome fahefana ny mpianatra Nefita roa ambin' ny folo i Jesoa hanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina. Tokony ho 401–421 taorian' i j.k.

Ny tenin' i Kristy, izay noteneniny tamin' ny "mpianany, ny roa ambin' ny folo izay efa

32a Ômnia 1:20–22.

33a Môsià 8:9;
Almà 37:21–31;
Etera 1:1–5.

34a Etera 12:2.

[MÔRÔNIA]

1 1a TSM Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

2a 1 Ne. 12:20–23.

b Almà 45:14.

3a Mat. 10:32–33;
3 Ne. 29:5.

2 1a 3 Ne. 13:25.

nofinidiny, raha nametra-tanana taminy Izy —

2 Ary nantsoiny tamin' ny anarany izy ireo, nataony hoe: Hiantso ny Ray amin' ny anarako ianareo amin' ny faherezana mivavaka; ary rehefa avy nanao izany ianareo dia hanam-^apahefana ka amin' izay hametrahana-reo ^btànana no ^dhanomezanareo ny Fanahy Masina; ary amin' ny anarako no hanomezanareo Izany, fa toy izany no ataon' ny apostoliko.

3 Ankehitriny dia niteny ireo teny ireo taminy i Kristy tamin' ny fotoana nisehoany voalohany; ary tsy nandre izany ny valalabemandry, fa ny mpianatra kosa nandre izany; ary izay rehetra ^anametrahana' izy ireo ny tanany dia nilatsahan' ny Fanahy Masina.

TOKO 3

Nanokana mpisorona sy mpampianatra ny loholona tamin' ny alalan' ny fametrahana-tanana. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ny fomba ^ananokanan' ny mpianatra, izay nantsoina hoe ^blohohon' ny fiangonana, mpisorona sy mpampianatra —

2 Rehefa avy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy izy ireo dia nametraka ny tanany taminy sy nanao hoe:

3 Amin' ny anaran' i Jesoa

Kristy, no anokanako anao ho mpisorona (na raha mpampianatra izy, no anokanako anao ho mpampianatra) hitory ny fibebahana sy ny ^afamelana ny fahotana amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, amin' ny fiaretana ny finoana ny anarany hatramin' ny farany. Amena.

4 Ary araka izany fomba izany no ^ananokanany mpisorona sy mpampianatra, araka ny ^bfanomezam-pahasoavana sy ny fian-tsoan' Andriamanitra ny olona; ary natokany izy tamin' ny ^dherin' ny Fanahy Masina izay tao aminy.

TOKO 4

Fanazavana ny fomba nitantanan' ny loholona sy ny mpisorona ny mofon' ny fanasan' ny Tompo. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ny ^afomba fitantanan' ny ^blohohon' sy ny mpisoron' ny nofo sy ny ran' i Kristy amin' ny fiangonana; ary ^dnotantanan' izy ireo izany araka ny didin' i Kristy; noho izany dia fantantsika fa marina ny fomba; ary ny loholona na ny mpisorona dia nitantana izany;

2 Ary izy ireo dia niara-nandohalika tamin' ny fiangonana sy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy, hoe —

3 Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay,

2a TSM Hery.
b TSM Fametrahana-tanana.
d 3 Ne. 18:37.
3a Asa 19:6.
3 1a TSM Manokana.

b Almà 6:1.
TSM Loholona.
3a TSM Famelana ny Fahotana.
4a F&F 18:32; 20:60.
b TSM Fanomezam-

pahasoavana.
d 1 Ne. 13:37;
Môrô. 6:9.
4 1a 3 Ne. 18:1–7.
b TSM Loholona.
d F&F 20:76–77.

amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity "mofo ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay mandray amin' izany; mba hahazoany mihinana ho ^bfahatsiarovana ny vatan' ny Zanakao sy hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo ny hitondra ny ^aanaran' ny Zanakao ny hahatsiaro Azy mandrakariva, ary ny hitandrina ny didiny izay efa nomeny azy ireo, mba hanana ny mandrakariva ny ^eFanahiny miaraka aminy. Amena.

TOKO 5

Fanomezana ny fomba fitantanana ny divain' ny fanasan' ny Tompo. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

NY "fomba fitantanana ny divay—Indro nandray ny kapoaka izy ireo sy nanao hoe:

2 Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity "divay ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay misotro amin' izany, mba hahazoany manao izany ho ^bfahatsiarovana ny ran' ny Zanakao, izay nalatsaka ho azy ireo; mba hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra, Ray

Mandrakizay ô, fa hotsaroany mandrakariva Izy, mba hanana ny ny Fanahiny miaraka aminy. Amena.

TOKO 6

Natao batisa sy noraisina ho namanana ny olona nibe-baka—Ny mpikamban' ny fiangonana izay nibe-baka dia navela heloka—Notarihina tamin' ny herin' ny Fanahy Masina ny fivoriana. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny aho dia miresaka ny momba ny "batisa. Indro, natao batisa ny loholona, ny mpisorona ary ny mpampianatra; ary tsy natao batisa izy ireo raha tsy namoa voa izay naneho fa ^bmendrika izany izy ireo.

2 Sady tsy nisy noraisiny teo amin' ny batisa afa-tsy izay nandroso niaraka tamin' ny "fo torotoro sy ny fanahy manenina, ka nijoro ho vavolombelona tamin' ny fiangonana, fa nibe-baka marina tokoa tamin' ny fahotany rehetra izy.

3 Ary tsy nisy noraisina tamin' ny batisa afa-tsy izay "nitondra teo aminy ny anaran' i Kristy, rehefa nananany ny fahavononana hanompo Azy hatramin' ny farany.

4 Ary rehefa noraisina tamin' ny batisa izy, ary niasana sy

3a TSM Fanasan' ny Tompo.
b Lio. 22:19;
2 Tan. 11:23–24;
3 Ne. 18:7.
d TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran'

i Jesoa Kristy.
e TSM Fanahy Masina.
5 1a 3 Ne. 18:8–11;
F&F 20:78–79.
2a F&F 27:2–4.
TSM Fanasan' ny
Tomp.
b Lio. 22:19–20;

2 Tan. 11:25.
6 1a TSM Batisa.
b TSM Mendrika.
2a TSM Fo Torotoro.
3a TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran'
i Jesoa Kristy.

“nodiovin’ ny herin’ ny Fanahy Masina, dia noraisina ho isan’ ny vahoakan’ ny fiangonan’ i Kristy; ary nalaina ny ^banarany mba hahatsiarovana azy sy hamaahanana azy amin’ ny teny soan’ Andriamanitra, hitehirizana azy amin’ ny lalana tsara, hitanana azy ^dhiambina lalandava amim-bavaka, “tsy hiantehitra afa-tsy amin’ ny fahamendrehan’ i Kristy izay ^ftompony sy mpanefa ny finoany.

5 Ary ny “fiangonana dia nihaona miaraka ^bmatetika mba ^dhifady hanina sy hivavaka ary hifampiresaka amin’ izy samy izy ny momba ny fiadanan’ ny fanahiny.

6 Ary nihaona miaraka matetika izy ireo mba hiara mandray ny mofo sy ny divay ho fahatsiarovana an’ i Jesoa Tompo.

7 Ary hentitra izy ireo tamin’ ny fitandremana mba “tsy hisian’ ny heloka eo anivony; ary na zovy na zovy no hita ho nahavita heloka, dia ^bvavolombelona telon’ ny fiangonana no nanameloka azy teo anoloan’ ny ^dloholona, ary raha tsy nibebaka izy ka ^eniaiky, dia ^fnovonoina ny anarany, ary tsy noraisina ho isan’ ny vahoakan’ i Kristy izy.

8 Nefa “arakaraka ny nibebahany sy ny nitadiavany famelana

tamin’ ny finiaavana marina no ^bnamelana azy.

9 Ary ny fiavoriany dia “notarihin’ ny fiangonana araka ny fomba fiasan’ ny Fanahy sy tamin’ ny alalan’ ny herin’ ny ^bFanahy Masina; fa arakaraka ny nitarihan’ ny herin’ ny Fanahy Masina azy ireo, na hitory, na hamporisika, na hivavaka, na hitalaho, na hihira, dia arakaraka izay no natao.

TOKO 7

Nomena ny fanasana hidirana ao amin’ ny fitsaharan’ ny Tompo—Mivavaha amin’ ny finiaavana marina—Nahafahan’ ny olona nanaovaka ny tsara tamin’ ny ratsy ny Fanahin’ i Kristy—Mandresy lahatra ny olona handa an’ i Kristy sy hanao ny ratsy i Satana—Naneho ny fiavian’ i Kristy ireo mpaminany—Amin’ ny finoana no anaovana fahagagana sy anompoan’ ny anjely—Tokony hanantena ny fiainana mandrakizay sy hifikitra amin’ ny fiantrana ny olona. Tokony ho 401–421 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny izaho Môrônia dia manoratra ny teny vitsivitsin’ i Môrmôna raiko, izay noteneniny momba ny “finoana, ny fanantenana ary ny fiantra-

4a TSM Madio.

b F&F 20:82.

d Almà 34:39;

3 Ne. 18:15–18.

e 2 Ne. 31:19;

F&F 3:20.

f Heb. 12:2.

5a TSM Fiangonan’ i

Jesoa Kristy.

b 3 Ne. 18:22;

4 Ne. 1:12;

F&F 88:76.

d TSM Fifadian-kanina.

7a F&F 20:54.

b F&F 42:80–81.

TSM Vavolombelona.

d Almà 6:1.

TSM Loholona.

e TSM Miaiky.

f Eks. 32:33;

F&F 20:83.

TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

8a Môsià 26:30–31.

b TSM Mamela.

9a F&F 20:45; 46:2.

b TSM Fanahy Masina.

7 1a 2 Tan. 13:1–13;

Etera 12:3–22, 27–37;

Môrô. 8:14; 10:20–23.

na; fa araka izao fomba izao no nitenenany tamin' ny vahoaka, raha nampianatra azy izy tao amin' ny sinagoga izay efa naoriny ho toeram-piderana.

2 Ary ankehitriny, izaho Môrônna dia miteny aminareo ry rahalahiko malala; ary amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontsika ary ny sitrapony masina, noho ny fanomezana ny "antsony ho ahy, no ahazoako miteny aminareo amin' izao fotoana izao.

3 Koa izaho dia te hiteny aminareo izay isan' ny fiangonana, izay mpanara-dia bonaika an' i Kristy, ary efa nahazo fanantenana ampy izay ahafahanareo miditra any amin' ny "fitsaharan' ny Tompo, hatramin' izao fotoana izao ka ambara-pialanareo sasatra miaraka Aminy any an-danitra.

4 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia tsaraiko amin' ireo zavatra ireo ianareo noho ny "fifampitondranareo amim-pahatontiana miaraka amin' ny zanak' olombelona.

5 Fa tsaroako ny tenin' Andriamanitra izay milaza fa amin' ny asany no "hahafantaranareo azy; fa raha tsara ny asany, amin' izany dia tsara koa izy.

6 Satria indro, efa nolazain' Andriamanitra fa ny olona "ratsy dia tsy afaka manao izay

tsara; fa raha manolotra fanomezana izy, na ^bmivavaka amin' Andriamanitra, raha tsy manao izany amin' ny finiaavana marina izy, dia tsy mahaso azy na amin' inona na amin' inona izany.

7 Fa indro, tsy isaina ho fahamarinana ho azy izany.

8 Fa indro, raha manome fanomezana ny olona "ratsy, dia ataony ^bamin' alahelo izany; koa izany dia isaina ho azy tahaka ny efa nitanany ny fanomezana; koa dia isaina ho ratsy eo anoloan' Andriamanitra izy.

9 Ary dia toy izany koa no anisana ho ratsy ho an' ny olona iray, raha mivavaka izy nefa tsy amin' ny "finiavan' ny fo marina; eny, ary tsy mahaso azy na amin' inona na amin' inona izany, fa tsy mandray ny toa azy Andriamanitra.

10 Koa, ny olona ratsy dia tsy afaka manao izay tsara; sady tsy hanome fanomezana tsara.

11 Fa indro, tsy afaka mamoka rano tsara ny "loharano mangidy; tsy afaka mamoka rano mangidy ny loharano tsara; koa, ny olon-dratsy, mpanompon' ny devoly dia tsy afaka manara-dia an' i Kristy; ary raha ^bmanara-dia an' i Kristy izy dia tsy afaka ny ho mpanompon' ny devoly.

12 Koa, ny zavatra rehetra izay "tsara dia avy amin' Andriamanitra; ary izay ^bratsy dia avy amin' ny devoly; fa ny devoly

2a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

3a TSM Fitsaharana.

4a 1 Jn. 2:6; F&F 19:23.

5a 3 Ne. 14:15–20.

6a Mat. 7:15–18.

b Almà 34:28.

TSM Vavaka.

8a Ohab. 15:8.

b F&F 64:34.

9a Jakoba 1:6–7; 5:16;

Môrô. 10:4.

11a Jakoba 3:11–12.

b Mat. 6:24;

2 Ne. 31:10–13;

F&F 56:2.

12a Jakoba 1:17;

1 Jn. 4:1–2; Etera 4:12.

b Almà 5:39–42.

dia fahavalon' Andriamanitra sy miady Aminy lalandava, ary manainga sy mitaona ^ahanota, ary hanao izay ratsy lalandava.

13 Nefa indro, izay avy amin' Andriamanitra dia manainga sy mitaona hanao ny tsara lalandava; koa, ny zavatra tsirairay izay manainga sy ^amitaona hanao ny tsara sy ho tia an' Andriamanitra ary hanompo Azy, dia avy amin' ny ^btsindrimandrin' Andriamanitra.

14 Koa, mitandrema ry rahalahiko malala mba tsy hitsaranareo fa izay ^aratsy dia avy amin' Andriamanitra, na izay tsara sy avy amin' Andriamanitra dia avy amin' ny devoly.

15 Fa indro, ry rahalahiko, omena anareo ny ^ahitsara mba hahazoanareo manavaka ny tsara amin' ny ratsy; ary ny fomba hitsarana mba hahalanareo amin' ny fahalalana tanteraka, dia miavaka toy ny hazavan' ny andro amin' ny haizin' ny alina.

16 Fa indro, omena ny olona tsirairay ny ^aFanahin' i Kristy mba hahazoany ^bmanavaka ny tsara amin' ny ratsy; koa aseho ko anareo ny fomba hitsarana; fa ny zavatra tsirairay izay manainga hanao ny tsara sy handresy lahatra mba hino an' i Kristy dia alefan' ny hery sy

ny fanomezam-pahasoavan' i Kristy; koa dia azonareo fantarina amin' ny fahalalana tanteraka fa avy amin' Andriamanitra izany.

17 Nefa na inona na inona zavatra izay mandresy lahatra ny olona hanao ny ^aratsy sy tsy hino an' i Kristy, ary handà Azy sy tsy hanompo an' Andriamanitra, dia azonareo fantarina amin' izany, amin' ny fahalalana tanteraka, fa avy amin' ny devoly izany; fa araka izany fomba izany no iasan' ny devoly, fa tsy mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara izy, tsia, na dia iray aza; toy izany koa no ataon' ny anjely; toy izany koa no ataon' ireo izay mampanaiky ny tenany aminy.

18 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, satria fantatranareo ny hazavana izay ahazoanareo mitsara, hazavana izay ^ahazavan' i Kristy, dia ataovy izay tsy hitsaranareo diso; fa amin' ny ^bfitsarana izay itsaranareo ihany no itsarana anareo koa.

19 Koa, miangavy anareo aho, ry rahalahy, mba hitadiavanareo amim-pahazotoana tokoa ao amin' ny ^ahazavan' i Kristy mba hahazoanareo manavaka ny tsara amin' ny ratsy; ary raha hazoninareo avokoa ny zavatra tsara ary tsy melohinareo izany,

12d Hel. 6:30.
TSM Fahotana.

13a 2 Ne. 33:4;
Etera 8:26.

^b TSM Fitaoman' ny
Fanahy.

14a Isa. 5:20; 2 Ne. 15:20.

15a TSM Mamantatra,
Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-
16a TSM Fieritreretana;
Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

^b Gen. 3:5;
2 Ne. 2:5, 18, 26;
Môsià 16:3;
Almà 29:5;
Hel. 14:31.

17a TSM Fahotana.

18a Môsià 16:9;
F&F 50:24; 88:7-13.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

^b DJS, Mat. 7:1-2;
Lio. 6:37;
Jao. 7:24.

19a F&F 84:45-46.

dia ho tonga ^bzanak' i Kristy tokoa ianareo.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, ahoana no mety hahafahanareo mihazona ny zavatra tsara rehetra?

21 Ary ankehitriny aho dia tonga eo amin' io finoana io izay nolazaiko fa mba tiako horesahina; ary holazaiko anareo ny fomba izay hahafahanareo mihazona ny zavatra tsara rehetra.

22 Fa indro, noho Andriamanitra "mahalala ny zavatra rehetra, satria efa hatrizay hatrizay Izy ka haharitra mandrakizay, dia indro, nirahiny ny ^banjely hanompo ny zanak' olombelona, mba hampiseho ny momba ny fiavian' i Kristy; ary ao amin' i Kristy no hiavian' ny zavatra tsara rehetra.

23 Ary Andriamanitra koa dia nilaza tamin' ny vavany ihany tamin' ny mpaminany fa ho avy i Kristy.

24 Ary indro, nisy fomba samihafa izay nanehoany ny zavatra izay tsara tamin' ny zanak' olombelona; ary ny zavatra rehetra izay tsara dia avy amin' i Kristy; raha tsy izany dia efa ^alavo ny olona, ary tsy ho nety nisy zavatra tsara tonga taminy.

25 Koa, tamin' ny fiahian' ny ^aanjely sy tamin' ny teny rehetra izay niloaka ny vavan' Andriamanitra, dia nanomboka nampihatra ny finoana an' i Kristy ny olona; ary dia tamin' ny fi-

noana toy izany no nihazonany ny zavatra tsara rehetra; ary dia toy izany hatramin' ny fiavian' i Kristy.

26 Ary taorian' ny nahatongavany, dia novonjena tamin' ny finoana ny anarany koa ny olona; ary amin' ny finoana dia tonga zanak' Andriamanitra izy ireo. Ary toy ny mahavelona marina tokoa an' i Kristy no nitenenany ireto teny ireto tamin' ny razantsika, hoe: "Na inona na inona zavatra izay tsara ka hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, amin' ny finoana rehefa mino fa handray ianareo, dia indro, hatao aminareo izany.

27 Noho izany, ry rahalahiko malala, efa nitsahatra va ny ^afahagagana, satria efa niakatra any an-danitra i Kristy ary efa mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra mba ^bhitaky amin' ny Ray ny zon' ny famindram-po izay ananany amin' ny zanak' olombelona?

28 Satria efa nefainy ny fitakian' ny lalàna, ary mitaky ireo rehetra izay manam-pinoana Azy Izy; ary ireo izay manam-pinoana Azy dia ^ahifikitra amin' ny zavatra tsara rehetra; koa ^bmiaro ny tombontsoan'ny zanak' olombelona Izy; ary mitoe-tra mandrakizay any an-danitra.

29 Ary satria efa nataony izany, ry rahalahiko malala, dia efa nitsahatra va ny fahagagana? Indro, lazaiko aminareo, Tsia;

19b Môsià 15:10–12; 27:25.

TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin'
Andriamanitra.

22a TSM Andriamanitra.

b Mos. 5:58.

TSM Anjely.

24a 2 Ne. 2:5.

25a Almà 12:28–30.

26a 3 Ne. 18:20.

TSM Vavaka.

27a TSM Fahagagana.

b Isa. 53:12;

Môsià 14:12.

28a Roma. 12:9;

F&F 98:11.

b 1 Jn. 2:1; 2 Ne. 2:9.

TSM Mpisolovava.

sady tsy mitsahatra ny manompo ny zanak' olombelona ireo anjely.

30 Fa indro, izy ireo dia manao Azy mba hanompo araka ny tenin' ny fandidiany, amin' ny fanehoan' izy ireo ny tenany amin' ireo izay mahery finoana sy mitombin-tsaina ao amin' ny endriky ny toe-panahy rehetra araka an' Andriamanitra.

31 Ary ny asan' ny fanompoany dia ny miantso ny olona ho amin' ny fibebahana sy ny manatanteraka ary ny manao ny asan' ny fanekempihavanan' ny Ray, izay efa nataony tamin' ny zanak' olombelona mba hano-mana ny lalana eo anivon' ny zanak' olombelona amin' ny filazana ny tenin' i Kristy amin' ny fanaka nofinidin' ny Tompo, mba hahatonga azy ireo ho vavolombelona manambara Azy.

32 Ary amin' ny fanaovana izany, dia manomana lalana ny Tompo Andriamanitra mba hananan' ny olona sisa "finoana an' i Kristy, mba hananan' ny Fanahy Masina toerana ao ampony, araka ny heriny; ary dia araka izany fomba izany no antanterahan' ny Ray ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny zanak' olombelona.

33 Ary efa niteny i Kristy hoe: "Raha manam-pinoana Ahy ianareo dia hanana ny fahefana hanao na inona na inona zavatra mahasoa ao Amiko.

34 Ary hoy Izy: "Mibebaha

ianareo rehetra faran' ny tany ary mankanesa atỳ Amiko, ary aoka hatao batisa amin' ny anarako sy hanam-pinoana Ahy mba hahazoana mamonjy anareo.

35 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, raha tahiny ka marina ireo zavatra izay efa noteneniko taminareo ireo, ary Andriamanitra no haneho aminareo, amin' ny "hery sy ny voninahy-dehibe amin' ny ^bandro farany, fa marina ireo, ary raha marina ireo, moa efa nitsahatra va ny andron' ny fahagagana?

36 Sa efa nitsahatra va ny fisehoan' ny anjely tamin' ny zanak' olombelona? Sa efa "notanany va ny herin' ny Fanahy Masina tsy ho azy ireo? Sa hataony izany, raha mbola haharitra koa ny fotoana, na hijoro koa ny tany, na hisy koa olona iray hovanjena eto amboniny?

37 Indro lazaiko aminareo, Tsia; fa amin' ny finoana no anaovana "fahagagana; ary amin' ny finoana no isehoan' ny anjely ka anompoany ny olona; koa, raha efa nitsahatra ireny zavatra ireny dia lozan' ny zanak' olombelona, fa izany dia noho ny ^btsy finoana, ary zava-poana ny rehetra.

38 Fa tsy misy olona azo vonjena, araka ny tenin' i Kristy, raha tsy manam-pinoana ny anarany izy; noho izany, raha efa nitsahatra ireny zavatra ireny, dia efa nitsahatra koa ny finoana; ary mahatsiravina ny toetry ny

32a TSM Finoana.

33a Mat. 17:20.

^b F&F 88:64–65.

34a 3 Ne. 27:20;

Etera 4:18.

35a 2 Ne. 33:11.

^b F&F 35:8.

36a Môrô. 10:4–5, 7, 19.

37a Mat. 13:58;

Môrm. 9:20;

Etera 12:12–18.

^b Môrô. 10:19–24.

olona, fa izy dia toy ny tsy nisy fanavotana natao.

39 Nefa indro, ry rahalahiko malala, tsaraiko ho tsaratsara kokoa noho izany ianareo, satria tsaraiko fa manam-pinoana an' i Kristy ianareo noho ny fietrena-reo; fa raha tsy manam-pinoana Azy ianareo, dia tsy "mendrika ianareo amin' izany ny voaisa ho eo anivon' ny vahoakan' ny fiangonany.

40 Ary koa, ry rahalahiko malala, mba te hiresaka aminareo ny momba ny "fanantenana aho. Ahoana no ahatongavanareo amin' ny finoana, raha tsy manana fanantenana ianareo?

41 Ary inona no "hantenaina-reo? Indro, lazaiko aminareo fa hanana ^bfanantenana ianareo amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy sy ny herin' ny fitsanganany amin' ny maty mba hatsangana ho amin' ny "fiainana mandrakizay, ary izany dia noho ny finoanareo Azy araka ny fampanantenana.

42 Koa, raha manam-"pinoana ny olona iray dia ^btsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana.

43 Ary koa, indro lazaiko aminareo fa tsy afaka ny hanana finoana sy fanantenana izy raha tsy "malemy fanahy sy mietry am-po.

44 Raha tsy izany dia foana ny "finoany sy ny fanantenany, fa tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mietry am-po; ary raha malemy fanahy sy mietry am-po ny olona iray, ary ^bmiaiky amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana; fa raha tsy manana fiantrana izy dia tsinontsinona; koa tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana.

45 Ary ny "fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy ^bmialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina, tsy mihevitra ratsy, tsy mifaly amin' ny tsy fahamarinana fa mifaly kosa amin' ny fahamarinana, mizaka ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, miaritra ny zavatra rehetra.

46 Noho izany, ry rahalahiko malala, raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsinontsinona, fa ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. Koa, mifikira amin' ny fiantrana izay ny lehibe indrindra amin' ny zavatra rehetra, fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho levona—

47 Fa ny "fiantrana kosa dia ny ^bfitiavana madion' i Kristy ary

39a TSM Mendrika.

40a Etera 12:4.

TSM Fanantenana.

41a F&F 138:14.

^b Tito. 1:2; Jakôba 4:4;

Almà 25:16;

Môrô. 9:25.

^d TSM Fiainana

Mandrakizay.

42a TSM Finoana.

^b Môrô. 10:20.

43a TSM Halemempahy.

44a Almà 7:24;

Etera 12:28–34.

^b Lio. 12:8–9.

TSM Miaiky; Fijoroana ho Vavolombelona.

45a 2 Tan. 13:1–13.

^b TSM Mialona.

47a 2 Ne. 26:30.

TSM Fiantrana.

^b Jos. 22:5.

TSM Fitiavana.

maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin' ny andro farany, dia soa ho azy izany.

48 Noho izany ry rahalahiko malala dia "mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana maneno anareo amin' izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay ^bmpanaradia marina an' i Jesoa Kristy Zanan'ny; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho "tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana "manadio antsika tahaka Azy izay madio. Amena.

TOKO 8

Fahavetavetana ratsy ny batisan' ny ankizy madinika — Velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika noho ny Sorompanavotana — Mitondra any amin' ny famonjena ny finoana, ny fibebahana, ny fahalemem-paika sy ny fietren' ny fo, ny fandraisana ny Fanahy Masina, ary ny faharetana hatramin' ny farany. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ny epistilin' i Môrmôna "raiko, nosoratana ho ahy Môrônia; ary izany dia nosoratana ho ahy vetivety foana taorian' ny nian-

tsoana ahy ho amin' ny asa fanompoana. Ary toy izao no nosoratany ho ahy, manao hoe:

2 Ry Môrônia, zanako malala, mifaly fatratra tokoa aho satria efa nahatsiaro anao i Jesoa Kristy Tomponao, ary efa niantso anao ho amin' ny asa fanompoany Izy sy ho amin' ny asa masiny.

3 Mahatsiaro anao mandrakariva aho ao amin' ny vavako, mivavaka lalandava amin' Andriamanitra Ray amin' ny anaran' i Jesoa, Zanany Masina aho, ka Izy anie, amin' ny alalan' ny "hatsaram-pony sy ny ^bfahasoa-vany tsisy fetra, hitahiry anao ao amin' ny fiaretana ny finoana ny anarany hatramin' ny farany.

4 Ary ankehitriny, anaka, dia miteny aminao aho ny momba izay mampalahelo ahy izaitsizy tokoa; fa mampalahelo ahy ny hisian' ny "fifanjihirana mipoi-tra eo anivonareo.

5 Satria, raha fantatro ny marina, dia efa nisy fifanjihirana teo anivonareo momba ny batisan' ny ankizy madinikareo.

6 Ary ankehitriny, ry zanako, dia maniry aho ny hiasanareo amim-pahazotoana tokoa mba hanesorana ity hadisoana bontolo ity avy teo anivonareo; satria, noho izany antony izany no efa nanoratako ity epistily ity.

7 Fa raha vantany vao nahafantatra ireo zavatra momba anareo ireo aho dia nanontany

48a TSM Vavaka.
b TSM Jesoa Kristy —
Ny ohatra nasehon'
i Jesoa Kristy;
Mankatò.

d 1 Jn. 3:1–3;
3 Ne. 27:27.
e 3 Ne. 19:28–29.
TSM Madio.
8 1a TiM 1:1.

3a Môsià 4:11.
b TSM Fahasoavana.
4a 3 Ne. 11:22, 28; 18:34.

ny Tompo ny amin' izany raha-raha izany. Ary tonga tamiko ny "tenin' ny Tompo tamin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina, manao hoe:

8 Henoy ny tenin' i Kristy, Mpanavotra anareo, Tomponareo sy Andriamanitrareo. Indro, tonga teo amin' izao tontolo izao Aho tsy hiantso ny marina fa ny mpanota ho amin' ny fibebahana; tsy ny "salama no mila mpitsabo fa ireo izay marary kosa; koa ny ^bankizy madinika dia ^dsalama, satria tsy mahavita ^emanota; noho izany, ny ozon' i ^fAdama dia esorina hiala aminy ao Amiko, ka tsy manampahafana aminy izany; ary ny lalàn' ny ^gfamorana dia foana ao Amiko.

9 Ary araka izany fomba izany no nanehoan' ny Fanahy Masina tamiko ny tenin' Andriamanitra; noho izany, ry zanako malala, dia fantatro fa fanarabiana marina tokoa eo anoloan' Andriamanitra ny hanaovanareo batisa ny ankizy madinika.

10 Indro lazaiko aminareo fa izao no zavatra hampianarina-reo—ny fibebahana sy ny batisa ho an' ireo izay ^aampamoahina sy mahavita manao fahotana; eny, ampianaro ny ray amandreny fa tsy maintsy mibebaka sy atao batisa ary manetry ny

tenany toy ny ^bankizy madininy izy, ary dia hovanjena avokoa izy miaraka amin' ny ankizy madininy.

11 Ary tsy mila fibebahana na batisa ny ^aankizy madininy. Indro, ny batisa dia ho an' ny fibebahana, ho fanatanterahana ny didy, ho ^bfamelana ny fahotana.

12 Fa velona ao amin' i Kristy ny ^aankizy madinika, na dia hatry ny fanorenana izao tontolo izao aza; raha tsy izany dia Andriamanitra miangatra Andriamanitra, ary koa Andriamanitra miovaova sy ^bmizaha tavan' olona; satria firifiry akory ny ankizy madinika efa nodimandry tsisy batisa!

13 Noho izany, raha toa tsy azo vonjena ny ankizy madinika raha tsy vita batisa, dia tsy maintsy ho efa lasana Any amin' ny helo tsisy fiasarany izy ireny.

14 Indro, lazaiko aminao fa izay mihevitra fa mila batisa ny zaza madinika, dia ao amin' ny aferon' ny fangidiana sy ao amin' ny famatoran' ny heloka izy; satria tsy manana ^afinoana, na fanantenana, na fiantrana izy; koa, raha nofongorana izy teo am-pieritreretana izany, dia tsy maintsy ho nidina tany amin' ny helo.

15 Fa faharatsiana mahatsiravi-

7a TSM Tenin' Andriamanitra.

8a Mar. 2:17.

b Mar. 10:13–16.

d Môsià 3:16; F&F 74:7.

e TSM Fahotana.

f 2 Ne. 2:25–27.

TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

g Gen. 17:10–11. TSM Famorana.

10a TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

b TSM Zanaka; Fanetren-tena.

11a TSM Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa; Zanaka.

b TSM Famelana ny Fahotana.

12a F&F 29:46–47; 93:38.

b Ef. 6:9; 2 Ne. 26:33;

F&F 38:16.

14a 2 Tan. 13:1–13;

Etera 12:6;

Môrô. 7:25–28; 10:20–23.

na ny mihevitra fa Andriamanitra dia mamonjy ny ankizy iray noho ny batisa, ary ny iray hafa dia tsy maintsy ho faty noho izy tsy natao batisa.

16 Lozan' izay mamilivily ny lalan' ny Tompo amin' izany fomba izany, fa ho faty izy raha tsy mibebaka. Indro, miteny amim-pahasahiana aho, rehefa nahazo "fahefana avy tamin' Andriamanitra; ary tsy atahorako izay azon' ny olona atao; fa ny ^bfitiavana tanteraka ^dmandroaka ny tahotra rehetra.

17 Ary heniky ny "fiantrana aho, izay fitiavana maharitra mandrakizay; noho izany dia mitovy avokoa amiko ny ankizy; noho izany dia tiako amin' ny fitiavana tanteraka ny ^bankizy madinika; ary mitovy sy mpandray anjara amin' ny famonjena avokoa izy.

18 Satria fantatro fa Andriamanitra dia tsy Andriamanitra miangatra, na ilay Izy miovaova; fa Izy kosa dia "tsy miovaova ^bhatrizay hatrizay ka ho mandrakizay.

19 Tsy afaka mibebaka ny ^aankizy madinika; noho izany, dia faharatsiana mahatsiravina ny mandà ny famindram-po madion' Andriamanitra aminy, fa velona ao Aminy avokoa izy noho ny ^bfamindram-pony.

20 Ary izay milaza fa mila batista ny ankizy madinika dia mandà ny famindram-pon' i Kristy ary mametraka ho tsinontsinona ny "sorompanavotany sy ny herin' ny fanavotany.

21 Lozan' ny toa azy, fa manambana azy ny fahafatesana, ny "helo ary ny ^bfijaliana tsisy fiasarany. Teneniko amim-pahasahiana tokoa izany; efa nodidian' Andriamanitra aho. Henoy izany ary mampandria sofina, fa raha tsy izany dia hijoro hanohitra anareo izany eo amin' ny ^dtoeram-pitsaran' i Kristy.

22 Fa indro "velona ao amin' i Kristy avokoa ny ankizy madinika, ary koa ireo rehetra izay tsy nisy ^blalàna. Fa ny herin' ny ^dfanavotana dia tonga amin' ny rehetra izay tsy manana lalàna; noho izany, izay tsy voaheloka, na izay tsy eo ambany fanamelohana dia tsy afaka mibebaka; ary amin' ny toa azy dia tsy mahasoa na amin' inona na amin' inona ny batisa —

23 Fa fanarabiana kosa izany eo anoloan' Andriamanitra, fandavana ny famindram-pon' i Kristy sy ny herin' ny Fanahy Masina ary fametrahana ny fitokiana amin' ny "asa maty.

24 Indro, anaka, izany zavatra izany dia tsy tokony hisy; fa ny "fibebehana dia ho an' ireo

16a TSM Fahefana.

b TSM Fitiavana.

d 1 Jn. 4:18.

17a TSM Fiantrana.

b Môsià 3:16–19.

18a Almà 7:20; Môrm. 9:9.

TSM Andriamanitra.

b Môrô. 7:22.

19a Lio. 18:15–17.

b TSM Famindram-po.

20a TSM Sorompanavotana; Drafitry ny Fanavotana.

21a TSM Helo.

b Jakôba 6:10;

Môsià 28:3;

F&F 19:10–12.

d TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

22a TSM Famonjena—Famonjena ny ankizy.

b Asa 17:30;

F&F 76:71–72.

d TSM Fanavotana.

23a F&F 22:2.

24a TSM Fibebehana.

izay eo ambanin' ny fanamelohana sy eo ambanin' ny ozon' ny lalàna nodikaina.

25 Ary ny voaloham-bokatra ny "fibebahana dia ny ^bbatisa; ary tonga ny batisa amin' ny alalan' ny finoana ho fanatanterahana ny didy; ary ny fanatanterahana ny didy dia mitondra ^afamelana ny fahotana;

26 Ary ny famelana ny fahotana mitondra ^afahalemem-panahy sy fietren' ny fo; ary noho ny fahalemem-panahy sy ny fietren' ny fo dia tonga ny famangian' ny ^bFanahy Masina, ny ^aMpampionona mameno amin' ny ^afanantenana sy ^ffitiavana tanteraka, dia fitiavana maharitra amin' ny alalan' ny ^sfahazotoana ^bmivavaka, ambara-pahatongan' ny farany, rehefa hiara-mitoetra amin' Andriamanitra avokoa ny ⁱolomasina.

27 Indro, anaka, hanoratra aminao indray aho raha tsy mandeha mivoaka hanohitra ny Lamanita ato ho ato. Indro, ny ^afiavonavonan' ity firenena ity, na ny vahoakan' ny Nefita, dia efa porofoin' ny famongorana azy raha tsy mibebaka izy.

28 Mivavaha ho azy, anaka, mba hahatongavan' ny fibebahana aminy. Nefa indro, matahotra aho fandrao dia efa nitsahatra ny ^afitaoman' ny Fanahy azy; ary ao amin' ity faritry ny

tany ity dia katsahiny koa ny handrodanana ny hery sy ny fahefana rehetra izay avy amin' Andriamanitra; ary ^blaviny ny Fanahy Masina.

29 Ary rehefa notsipahiny ny fahalalana lehibe toy izany, anaka, dia tsy maintsy ho faty tsy ho ela izy ho fanatanterahana ny faminaniana izay notenenin' ireo mpaminany, ary koa ny tenin' Izy Mpamonjy tenany.

30 Veloma, anaka, mandrapanoratro aminao, na hihaonako aminao indray. Amena.

Ny epistily faharoan' i Môrmôna ho an' i Môrônia zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 9.

TOKO 9

Namohehatra sy niharatsy na ny Nefita na ny Lamanita—Nifampahory sy nifamono izy ireo—Nivavaka i Môrmôna mba hitoetra amin' i Môrônia mandrakizay ny fahasoavana sy ny hatsaram-po. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ry zanako malala, manoratra aminao indray aho mba hahafantaranao fa mbola velona aho; saingy manoratra misimisy ihany aho ny amin' izay mampalahelo.

2 Fa indro, efa nanana ady

25a TSM Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa.

b Mos. 6:58–60.

d F&F 76:52.

TSM Famelana ny Fahotana.

26a TSM Halemem-

panahy.

b TSM Fanahy Masina.

d TSM Mpampionona.

e TSM Fanantenana.

f 1 Pet. 1:22;

1 Ne. 11:22–25.

g TSM Fahazotoana.

h TSM Vavaka.

i TSM Olomasina.

27a F&F 38:39.

TSM Fiavonavonana.

28a Môrm. 5:16.

b Almà 39:6.

TSM Fahotana Tsy

Ahazoana Famelana.

mangotraka tamin' ny Lamanita aho, tamin' izany dia tsy naharesy izahay; ary efa lavo tamin-tsabatra i Arkeanta, ary koa i Lorama sy i Emrôna; eny, ary efa namoy tokoa ny maro tamin' ny lehilahy nofinidinay izahay.

3 Ary ankehitriny indro, anaka, manahy aho fandrao hamongotra ity vahoaka ity ny Lamanita; fa tsy mibebaka izy, ary mamoky azy lalandava i Satana mba hifampitezitra izy samy izy.

4 Indro, miara-miasa aminy lalandava aho; ary rehefa mire-saka ny tenin' Andriamanitra "amim-pahasiahana aho dia mangovitra sy tezitra amiko izy; ary rehefa tsy mampiasa fahasiahana aho dia manamafy ny fony izy amin' izany; koa manahy aho fandrao efa nitsahatra ny ^bfitaoman' ny Fanahin' ny Tompo azy.

5 Fa tezitra loatra izaitsizy tokoa izy ka ataoko fa tsy manana fahatahorana ny fahafatesana; ary efa nafoiny ny fifankatiavany teo amin' izy samy izy; ary "liandra sy valifaty lalandava izy.

6 Ary ankehitriny, ry zanako malala, na dia eo aza ny hamafin' ny fony, dia aoka isika hiasa "amim-pahazotoana tokoa; fa raha atsahatsika ny ^basa, dia hoentina eo ambany fanamelohana isika; fa manana asa hontontosaina isika raha mbola ao amin' ity tabernakely tanimanga ity, mba hahazoantsika mandresy ny fahavalon' ny faha-

marinana rehetra ary hialan' ny fanahintsika sasatra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

7 Ary ankehitriny aho dia manoratra misimisy ihany momba ny fijalian' ity vahoaka ity. Fa araka ny fahalalana izay efa no-raisiko avy tamin' i Amôrôna, dia indro, manana sambobelona maro ny Lamanita, izay nalainy avy teo amin' ny tilikambon' i Serizà; ary nisy lehilahy, vehivavy ary ankizy izany.

8 Ary ny vady sy ny rain' ireo vehivavy sy ankizy ireo dia efa novonoiny; ary ny vehivavy dia nofahanany tamin' ny nofon' ny vadiny, ary ny ankizy tamin' ny nofon' ny rainy; ary tsy nisy rano afa-tsy kely no nomeny azy.

9 Ary na dia teo aza izany fahavetavetana lehiben' ny Lamanita izany, dia tsy mahaleo ny an' ny vahoakantsika any Môriantoma izany. Fa indro, maro tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita no efa nalainy sambobelona; ary rehefa nendahiny taminy izay soa sy sarobidy indrindra tambonin' ny zavadrehetra, dia ny "fahadiovany sy ny ^bhasiny —

10 Ary taorian' ny nanaovany izany zavatra izany, dia novonoiny tamin' ny fomba tsy mifaditrovana izy ireo, rehefa nampijaliany hatrany amin' ny fahafatesan' ny vatany; ary rehefa avy nanao izany izy, dia nohaniny ny nofony, tahaka ny bibidia, noho ny hamafin' ny

9 4a 2 Ne. 1:26–27;
F&F 121:41–43.
b F&F 1:33.
5a Môrm. 4:11–12.

6a TSM Fahazotoana.
b Jakôba 1:19;
Enôsa 1:20.
TSM Adidy.

9a TSM Fahadiovam-
pitondrantena.
b TSM Hatsaran-toetra.

fony; ary nataony izany ho mariky ny herim-pony.

11 Ry zanako malala, ahoana no ahafahan' ny vahoaka toy izany izay tsy manaraka fahalalam-pomba—

12 (Ary taona vitsivitsy ihany izay no lasana, dia mbola vahoaka nahalala fomba sy mahatehotia izy)

13 Nefa anaka, ahoana no ahafahan' ny vahoaka toy izany, izay ao amin' ny fahavetavetana lehibe toa izany ny fahafinaretany—

14 Ahoana no ahazoantsika manantena fa “hotanan' Andriamanitra ny tanany amin' ny fitsarana hanoherana antsika?

15 Indro, mihiaka ny foko hoe: Lozan' ity vahoaka ity. Mivoaha ho amin' ny fitsarana, Andriamanitra ô, ary afeno ny fahotany sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany hiala eo anoloan' ny tavanao!

16 Ary koa, anaka, misy maro ireo “mpitondratena sy ny zanany vavy izay mijanona any Serizà; ary ilay ampahany tamin' ny vatsy izay tsy nentin' ny Lamanita dia indro efa nentin' ny miaramilan' i Zenefia, ary navelany hirenireny izy ireo na aiza na aiza ahafahany mitady hanina; ary vaviantitra maro no torana eny an-dalana ary maty.

17 Ary ny miaramila izay miaraka amiko dia osa; ary ny miaramilan' ny Lamanita dia eo anelanelanay sy i Serizà; ary izay rehetra nandositra nankany amin' ny miaramilan' i “Aharô-

na dia efa lavo niharan' ny herisetran' mahatsiravina.

18 E, mamohetrana ny vahoakako! Tsy misy fandaminana sy tsy misy famindram-po izy. Indro, izaho dia olona ihany, ary tsy manana afa-tsy ny herindehilahy, ary tsy afaka mampanaiky intsony ny baikoko aho.

19 Ary efa tonga mahery amin' ny faniasivany izy; ary mahery setra toy izany koa, tsy mitsitsy olona, na antitra na tanora; ary finaritra amin' ny zavatra rehetra afa-tsy izay tsara; ary ny fijalian' ny vehivavintsika sy ny zanatsika eo amin' ny lafiny rehetra amin' ity tany ity dia mihoatra ny zava-drehetra; eny, tsy hain' ny lela tenenina sady tsy hay soratana izany.

20 Ary ankehitriny anaka, dia tsy hitaredretra intsony eo amin' ity fisehoan-javatra mahatsiravina ity aho. Indro, fantatrao ny faharatsian' ity vahoaka ity; fantatrao fa tsy manaraka fitsipika izy ary efa maty eritreritra ka ny faharatsiany dia “mihoatra noho ny an' ny Lamanita.

21 Indro, anaka, tsy afaka manafatrafa azy amin' Andriamanitra aho fandrao hikapoka ahy Izy.

22 Nefa indro, anaka, manafatrafa anao amin' Andriamanitra aho ary matoky an' i Kristy aho fa hovanjena ianao; ary mivavaka amin' Andriamanitra aho mba “hitsimbiny ny ainao, ho vavolombelon' ny fiverenan' ity vahoakany ity Aminy, na ny famongorana azy tanteraka;

satria fantatro fa tsy maintsy ho faty izy raha tsy ^bmibebaka sy tsy miverina Aminy.

23 Ary raha ringana izy dia ho tahaka ny Jarèdita, noho ny finiaivan' ny fony, "hikatsaka ra sy ^bvalifaty.

24 Ary raha toa ka ringana izy, dia fantatsika fa maro tamin' ny rahalahintsika no efa "nitsoaka an-daharana nankany amin' ny Lamanita, ary maro kokoa no hitsoaka an-daharana koa hankany aminy; koa manorata zavatra misimisy kokoa, raha voatsimbina ianao ary ho faty aho ka tsy hahita anao; nefa matoky aho fa mety hahita anao tsy ho ela; fa manana rakitsoratra masina aho izay ^bhatolotro anao.

25 Anaka, aoka ho mahatoky ao amin' i Kristy; ary enga anie ka tsy hampahalahelo anao ny zavatra izay efa nosoratako, hanavesatra anao hidina hatrany amin' ny fahafatesana; fa hanandratra anao kosa anie i Kristy, ary enga anie ny "fijaliany sy ny fahafatesany ary ny fanehoany ny vatany tamin' ny razantsika, ary ny famindrampony sy ny fahari-pony ary ny fanantenana ny voninahiny sy ny ^bfiainana mandrakizay hitoetra mandrakizay ao ^dan-tsainao.

26 Ary enga anie ny fahasoa-^avan' Andriamanitra Ray izay any an-danitra avo ny seza fiandrianany sy ny an' i Jesoa Kristy

Tompontsika izay mipetraka eo "an-tanana ankavanana' ny heriny, mandra-pahatonga ny zava-drehetra ho eo ambany fifehezan-ny, ho aminao sy hiara-hitoetra aminao mandrakizay. Amena.

TOKO 10

Ny fanambaran' ny Bokin' i Môrmôna dia tonga amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina — Tsinjaraina ho an' ny mahatoky ny fanomezam-pahasoa-^avan' ny Fanahy — Miaraka mandrakariva amin' ny finoana ny fanomezam-pahasoa-^avana ara-panahy — Miteny avy ao amin' ny vovoka ny tenin' i Môrônia — Manatôna an' i Kristy, aoka ho tanteraka ao Aminy ary hamasino ny fanahinareo. Tokony ho 421 taorian' i J.K.

ANKEHITRINY, izaho Môrônia dia somary manoratra misimisy araka izay heveriko ho tsara; ary manoratra ho an' ny "Lamanita rahalahiko aho; ary mba tiako ny hahafantarany fa roapolo sy efa-jato taona mahery no efa lasana hatramin' ny nanomezana ny famantarana ny amin' ny fiavian' i Kristy.

2 Ary "feheziko ireto rakitsoratra ireto, rehefa avy milaza teny vitsivitsy aho ho famporisihana anareo.

3 Indro, ta hamporisika anareo aho, rehefa hamaky ireto zava-

22b Mal. 3:7;
Hel. 13:11;
3 Ne. 10:6; 24:7.
23a Môrm. 4:11–12.
b Etera 15:15–31.
24a Almà 45:14.
b Môrm. 6:6.

25a TSM Sorompanavotana.
b TSM Fiainana Mandrakizay.
d TSM Saina.
26a Lio. 22:69; Asa 7:55–56;
Môsià 5:9; Almà 28:12.

10 1a F&F 10:48.
2a Môrm. 8:4, 13–14.
TSM Soratra Masina—
Faminaniana ny
amin' ny hivoahan'
ny Soratra Masina.

tra ireto ianareo, raha toa ka fahendren' Andriamanitra ny hamakianareo ireto, mba hahatsiarovanareo ny naha-feno famindram-po ny Tompo tamin' ny zanak' olombelona, hatry ny nahariana an' i Adama ka hatramin' ny fotoana izay handraisanareo ireto zavatra ireto sy ny "hisainanareo izany ao ^bam-ponareo.

4 Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba "hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha ^btsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany "amin-kitsimpo ianareo, omban' ny "tena finjavana, sady manam-pinoana an' i Kristy, dia "haneho ny "fahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

5 Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo "fantarina ny ^bfahamarinan' ny zava-drehetra.

6 Ary na inona na inona zavatra tsara dia rariny sy marina; koa, tsy misy zavatra tsara ka mandà an' i Kristy, fa manaiky kosa fa misy Izy.

7 Ary azonareo fantarina fa misy Izy, amin' ny herin' ny

Fanahy Masina; noho izany dia ta hamporisika anareo aho ny tsy handavanareo ny herin' Andriamanitra; fa miasa amin-kery Izy "araka ny finoan' ny zanak' olombelona, tsy miova anio sy ampitso ary mandrakizay.

8 Ary koa, mamporisika anareo aho ry rahalahiko mba tsy handavanareo ireo "fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra, satria maro ireo; ary avy amin' Andriamanitra iray ihany ireo. Ary misy ny ^bfomba samihafa izay hanolorana ireo fanomezam-pahasoavana ireo; nefa Andriamanitra iray ihany no miasa ao amin' izy rehetra; ary ireo dia omena amin' ny alalan' ny fanehoan' ny Fanahin' Andriamanitra amin' ny olona mba hahasoa azy.

9 Fa indro, "ho an' ny iray dia omen' ny Fanahin' Andriamanitra ny hahazoany ^bmampianatra ny tenin' ny fahendrena;

10 Ary ho an' ny iray hafa, ny hahazoany mampianatra ny tenin' ny fahalalana amin' ny alalan' ny Fanahy iray ihany;

11 Ary ho an' ny iray hafa, ny "finoana lehibe fatratra tokoa; ary ho an' ny iray hafa, ny fanomezam-pahasoavana ^bhanasitran' amin' ny alalan' ny Fanahy iray ihany;

3a Deot. 11:18–19.
TSM Misaintsaina.

b Deot. 6:6–7.

4a TSM Vavaka.

b 1 Ne. 13:39; 14:30;
Môsià 1:6;

Etera 4:10–11; 5:3.

d TSM Fahamarinan-toetra.

e Jakoba 1:5–7; Môrô. 7:9.

f TSM Finoana.

g TSM Fanambarana.

h TSM Fahamarinana.

5a F&F 35:19.

TSM Mamantatra,
Fanomezam-pahasoavana Hoenti-
Fijoroana ho
Vavolombelona.

b Jao. 8:32.

7a 1 Ne. 10:17–19.

8a TSM Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy.

b F&F 46:15.

9a 2 Tan. 12:8–11;

F&F 46:8–29.

b F&F 88:77–79, 118.

11a TSM Finoana.

b TSM Manasitrana.

12 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny hahazoany manao "fahagagana mahery.

13 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny hahazoany maminany momba ny zava-drehetra;

14 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny fahitana anjely sy ny fanahin' ny fanompoana;

15 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny karazany rehetra amin' ny fiteny;

16 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny fandikana ny fiteny sy ny karazana "teny samihafa.

17 Ary ireo fanomezam-pahasoavana rehetra ireo dia avy amin' ny alalan' ny Fanahin' i Kristy; ary tonga tsirairay ao amin' ny olon-drehetra ireo, araka ny sitrapony.

18 Ary mba ta hamporisika anareo aho, ry rahalahiko malala, mba hahatsiarovanareo fa ny "fanomezam-pahasoavana tsara rehetra dia avy amin' i Kristy.

19 Ary mba ta hamporisika anareo aho, ry rahalahiko malala, mba hahatsiarovanareo fa Izy no "tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ary ireo fanomezam-pahasoavana rehetra izay efa noteneniko ireo, izay arapanahy, dia tsy ho levona na oviana na oviana, raha mbola mijoro koa ny tany, raha tsy noho ny ^btsy finoan' ny zanak' olombelona ihany.

20 Koa tsy maintsy misy ny "finoana; ary raha tsy maintsy

misy ny finoana, dia tsy maintsy misy koa ny fanantenana; ary raha tsy maintsy misy ny fanantenana, dia tsy maintsy misy koa ny fiantrana.

21 Ary raha tsy manana "fiantrana ianareo dia tsy azo vonjena mihitsy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; tsy azo vonjena koa ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo raha tsy manana finoana; torak' izany koa raha tsy manana fanantenana.

22 Ary raha tsy manana fanantenana ianareo dia tsy maintsy ao amin' ny famoizam-po ary tonga ny famoizam-po noho ny heloka.

23 Ary niteny marina tokoa tamin' ny razantsika i Kristy hoe: "Raha manam-pinoana ianareo dia afaka manao ny zava-drehetra izay mety Amiko.

24 Ary ankehitriny aho dia miteny amin' ny faran' ny tany rehetra — fa raha avy ny andro izay hahalevona ny hery sy ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra eo anivonareo, iza ny dia "noho ny ^btsy finoana.

25 Ary lozan' ny zanak' olombelona raha izay no mitranga; fa "tsy hisy anankiray izay manao ny tsara eo anivonareo, tsia, na dia iray aza. Fa raha misy anankiray eo anivonareo izay manao ny tsara, dia hiasa araka ny hery sy ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra izy.

26 Ary lozan' ireo izay mam-

12a TSM Fahagagana.

16a TSM Fiteny,
Fanomezam-
pahasoavana
amin' ny.

18a Jakoba 1:17.

19a Heb. 13:8.

b Môrô. 7:37.

20a Etera 12:3–37.

21a 2 Tan. 13:1–13;

Môrô. 7:1, 42–48.

TSM Fiantrana.

23a Môrô. 7:33.

24a Môrô. 7:37.

b TSM Tsy Finoana.

25a djs, Sal. 14:1–7;

Roma. 3:10–12.

pitsahatra ireo zavatra ireo ary maty, fa “maty ao amin’ ny ^bfa-hotany izy ary tsy azo vonjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra; ary teneniko izany araka ny tenin’ i Kristy; ary tsy mandainga aho.

27 Ary amporisihako ianareo hahatsiaro ireo zavatra ireo, fa avy faingana tokoa ny fotoana izay hahafantaranao fa tsy mandainga aho, fa ho hitanareo eo amin’ ny toeram-pitsaran’ Andriamanitra aho; ary hiteny aminareo ny Tompo Andriamanitra hoe: Tsy nolazaiko tamina-reo va ny “teniko izay nosoratan’ ity lehilahy ity, tahaka ny anankiray ^bmihiaika avy ao amin’ ny maty, eny, dia tahaka ny anankiray miteny avy ao amin’ ny ^avovoka?

28 Ambarako ireo zavatra ireo ho fanatanterahana ny faminiana. Ary indro, hiloaka ny vavan’ Ilay Andriamanitra maharitra mandrakizay ireo; ary ny teniny dia “hisiaka avy amin’ ny taranaka iray hankamin’ ny fara mandimby.

29 Ary hasehon’ Andriamanitra anareo, fa izay efa nosoratako dia marina.

30 Ary koa, ta hamporisika anareo aho mba “hanatonanareo an’ i Kristy sy hihazonanareo ny fanomezam-pahasoavana tsara

rehetra ary tsy ^bhikasihanao ny fanomezana ratsy, na ny zavatra tsy madio.

31 Ary “mifohaza, dia mitsangana avy eo amin’ ny vovoka, Ry Jerosalema; eny, ary anaovy ny fitafianaao tsara tarehy, Ry zanakavavin’ i ^bZiona; dia “hamafiso ny ^ctsatòkanao ary halalaho ny sisintaninao mandrakizay mba ^ftsy hahazoana mampiharoharo anao intsony, mba hahazoana manatanteraka ny fanekempihavanan’ ny Ray Mandrakizay, izay efa nataony taminao, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

32 Eny, “manatòna an’ i Kristy, ary aoka hatao ^btanteraka ao Aminy, ary holavin’ ny tenanareo ny toetra tsy araka an’ Andriamanitra rehetra; ary raha mandà ny toetra tsy araka an’ Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary “tia an’ Andriamanitra amin’ ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin’ izany dia ampy ho anareo ny fahasoavana, fa amin’ ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin’ i Kristy; ary raha tanteraka ao amin’ i Kristy ianareo amin’ ny alalan’ ny “fahasoavan’ Andriamanitra, dia tsy afaka mandà mihitsy ny herin’ Andriamanitra ianareo.

26a Ezek. 18:26–27;

1 Ne. 15:32–33;

Môsà 15:26.

^b Jao. 8:21.

27a 2 Ne. 33:10–11.

^b 2 Ne. 3:19–20; 27:13;

33:13;

Môrm. 9:30.

^d Isa. 29:4.

28a 2 Ne. 29:2.

30a 1 Ne. 6:4; Môrm. 9:27;

Etera 5:5.

^b Almà 5:57.

31a Isa. 52:1–2.

^b TSM Ziona.

^d Isa. 54:2.

^e TSM Tsatòka.

^f Etera 13:8.

32a Mat. 11:28;

2 Ne. 26:33;

Jakôba 1:7;

Ômnia 1:26.

^b Mat. 5:48;

3 Ne. 12:48.

TSM Tanteraka.

^d F&F 4:2; 59:5–6.

^e 2 Ne. 25:23.

33 Ary koa, raha tanteraka ao amin' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ianareo ary tsy mandà ny heriny, amin' izany dia "hamasinina ao amin' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ianareo, noho ny fandatsahana ny ^bran' i Kristy, izay ao amin' ny fanekempihavanan' ny Ray ho ^dfamelana ny fahotana, mba hahatonga anareo ho ^emasina, tsy misy pentina.

34 Ary ankehitriny aho dia manao veloma anareo rehetra. Handeha tsy ho ela aho "hiala sasatra ao am-^bparadisan' Andriamanitra, ambara-^dpikamban' ny ^efanahiko sy ny vatako indray, ka hitondrana ahy mpandresy eny amin' ny ^fhabakabaka, hihaona aminareo eo anoloan' ny ^gtoeram-pitsarana mahafinaritr' Ilay ^hJehovah Lehibe, ny ⁱMpitsara Mandrakizain' ny velona sy ny maty. Amena.

33a TSM Fanamasinana.
b TSM Sorompanavotana.
d TSM Famelana ny Fahotana.
e TSM Fahamasinana.

34a TSM Fitsaharana.
b TSM Paradisa.
d TSM Fanahy.
e TSM Fitsanganana amin' ny Maty.
f 1 Tes. 4:17.

g Jakôba 6:13.
h TSM Jehovah.
i TSM Jesoa Kristy—Mpitsara.

TAPITRA

NY
FOTOPAMPIA-
NARANA
SY
FANEKEMPI-
HAVANANA

AN' NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

MIRAKITRA IREO FANAMBARANA NOMENA AN' I

JOSEPH SMITH MPAMINANY

SY IREO FANAMPIM-PANAMBARAN' NY
MPANDIMBY AZY

TAO AMIN' NY FIADIDIANA NY FIANGONANA

FAMPIDIRANA

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia firaketana ireo fanambarana avy amin' Andriamanitra sy ireo fanambarana avy amin' ny fitaoman' ny Fanahy, nomena mba ho fanorenana sy ho fitantanana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany amin' ny andro farany. Na dia mivantana amin' ny mpikambana ao amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany aza ny ankabeazan' ireo fizarana, ny hafatra, ny fampitandremana ary ny fanentanana kosa dia natao ho tombontsoan' ny olombelona rehetra ary mirakitra fanasana ny olon-drehetra, na aiza na aiza, hihaino ny feon' i Jesoa Kristy miteny aminy ho an' ny fiadanany ara-nofo sy ho an' ny famonjena azy haharitra mandrakizay.

Ny ankabeazan' ireo fanambarana ao amin' ity firaketana ity dia azo tamin' ny alalan' i Joseph Smith zanany, ilay mpaminany voalohany sady filohan' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ireo hafa dia navoakan' ny sasany tamin' ny mpandimby azy tao amin' ny Fiadidiana (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 135, 136 ary 138 ary ny Filazana Ofisialy 1 sy 2).

Anisan' ireo Soratra Masina ankatoavin' ny Fiangonana, miaraka amin' ny Baiboly Masina, ny Bokin' i Môrmôna ary ny Voahangy Lafo Vidy, ny boky Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Miavaka anefa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, noho izy tsy fandikana rakitsoratra tranainy fa nipoitra kosa amin' izao fotoana izao ary nomen' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny mpaminany nofinidiny, ho famerenana indray ny asany masina sy ho fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany amin' izao andro izao. Ren' ny olona ao amin' ireo fanambarana ny feo malefaka nefa hentitra, avy amin' i Jesoa Kristy Tompo, miteny indray amin' ny fitantanana' ny fotoam-pahafenoana; ary ny asa izay atomboka etoana dia fanomanana ny fiaviany fanindroany, ho fanatontosana sy ho fanamafisana ny tenin' ny mpaminany masina rehetra hatry ny niandohan' izao tontolo izao.

Teraka tamin' ny 23 Desambra 1805 tao Sharon, Fivondronan' i Windsor, Vermont i Joseph Smith zanany. Tamin' ny fahazazany dia nifindra monina tany Manchester, tany amin' ny faritra andrefan' i New York izy sy ny fianakaviany. Nandritra ny nonenany tany akaikin' i Manchester, ny lohataonan' ny taona 1820, raha efatra ambin' ny folo taona izy, no nahazoany ny fahitany voalohany, ka tamin' izay dia Izy Andriamanitra tenany, Ilay Ray Mandrakizay, sy i Jesoa Kristy Zanany no nitsidika azy. Nolazaina azy tamin' io fahitana io fa ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy, izay efa naorina tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao ary efa niandraikitra ny fahafenoan' ny filazantsara, dia tsy teto an-tany intsony. Nanaraka izany ny fanehoan-javatra hafa avy tamin' Andriamanitra, ka tamin' izany no nampianaran' ireo anjely maro azy; naseho azy fa nanana asa manokana hampanaovina

azy eto an-tany Andriamanitra ary amin' ny alalany no hamerenana indray eto an-tany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Tatỳ aoriana, dia nahavita nandika sy namoaka ny Bokin' i Môrmôna i Joseph Smith noho ny fanampian' Andriamanitra. Nandritra izany fotoana izany, dia natokan' i Jaona Mpanao Batisa ho amin' ny Fisoronana Aharôna izy sy i Oliver Cowdery tamin' ny volana Mey 1829 (jereo F&F 13), ary fotoana fohy taorian' izany, dia natokan' ireo Apostoly fahiny koa, dia i Petera, i Jakoba ary i Jaona, ho amin' ny Fisoronana Melkizedeka izy ireo (jereo F&F 27:12). Nanaraka izany ireo fanokanana hafa izay nanomezan' i Mosesy, i Elia, i Elià mbamin' ireo mpaminany fahiny maro azy ireo ny fanalahidin' ny fisoronana (jereo F&F 110; 128:18, 21). Ireo fanokanana ireo, raha ny marina, dia famerenana indray amin' ny olona eto an-tany ny fahefan' Andriamanitra. Tamin' ny 6 Aprily 1830, araka ny toromarika avy any an-danitra, dia naorin' i Joseph Smith mpaminany ny Fiangonana, ary dia toy izany no iasan' ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy indray eo anivon' ny olona ho toy ny ivotoerana manam-pahefana hampianatra ny filazantsara sy hitantana ny ôrdônansin' ny famonjena (jereo Voahangy Lafo Vidy, JS—T 1:1–75 sy F&F 20).

Ho valin' ny vavaka natao no nahazoana ireo fanambarana masina ireo, tamin' ny fotoana nilana izany, ary vokatry ny toe-javatra tena niainana sady nandraisan' ny olona anjara. Nikatsaka ny fitarihan' Andriamanitra ny mpaminany sy ireo namany, ary manamarina ireo fanambarana ireo fa noraisiny izany. Hita ao amin' ny fanambarana ny famerenana indray sy ny famelabelarana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ary ny fanombohana ny fitantanan' ny fotoam-pahafenoana. Aseho koa ao amin' ireo fanambarana ireo ny fifindran' ny Fiangonana niankandrefana, avy tao New York sy Pennsylvania nankany Ohio, Missouri, Illinois ary farany nankany amin' ny Lempona Midadasika, ao Amerika andrefana, mbamin' ny tolonga mangotraka ataon' ny Olomasina tamin' ny fiezahana hanorina an' i Ziona eto an-tany amin' izao vanim-potoana izao.

Maro amin' ireo fizarana voalohany no ahitana resaka mikasika ny fandikana sy ny famoahana ny Bokin' i Môrmôna (jereo fizarana 3, 5, 10, 17 ary 19). Maneho ny asan' i Joseph Smith mpaminany teo ampanaovana ny fandikana ny Baiboly araka ny fitaoman' ny fanahy ireo fizarana sasany tatỳ aoriana, ka nandritra izany no nahazoana ny ankamaroan' ireo fizarana misy fotopampianarana lehibe (jereo ohatra ny fizarana 37, 45, 73, 76, 77, 86, 91 ary 132 fa samy manana fifandraisana mivantana amin' ny fandikana ny Baiboly ny tsirairay avy amin' ireo).

Ampahafantarina ao amin' ireo fanambarana ireo ny fotopampianaran' ny filazantsara mbamin' ny fanazavana momba ny votoatin-kevitra toy ny toetran' Ny Andriamanitra, ny fiandohan' ny olombelona, ny fisian' i Satana, ny tanjon' ny toetra mety maty, ny ilana ny fankatoavana, ny ilana ny fibebahana, ny fiasan' ny Fanahy Masina, ny ôrdônansy

sy ny fiasana izay mikasika ny famonjena, ny ho fiasaran' ny tany, ny ho toe-piainan' ny olona aorian' ny fitsanganana amin' ny maty sy ny fitsarana, ny toetra mandrakizain' ny fifamatorana eo amin' ny fanambadiana ary ny toetra mandrakizain' ny fianakaviana. Aseho toy izany koa ny fivelarana miandalana eo amin' ny rafi-pitantanan' ny Fiangonana amin' ny alalan' ny fiantsoana ny eveka, ny Fiadidiana Voalohany, ny Filankevitry ny Roambinifololahy sy ny Fitopololahy ary ny fananganana ireo anjara fanompoana sy kôlejim-piadidiana hafa. Farany, ny tenivavolombelona omena momba an' i Jesoa Kristy — ny maha-Andriamanitra Azy, ny fiandrianany, ny fahatanterahany, ny fitiavany ary ny herim-panavotany — dia mahatonga ity boky ity hanan-danja lehibe ho an' ny fianakavian' ny olombelona sy ho sarobidy mihoatra noho ny haren' ny tany manontolo.

Navoaka tao Ziona (Independence), Missouri tamin' ny taona 1833, ny ankabeazan' ny fanambarana ka nitondra ny lohateny hoe: *A Book of Commandments for the Government of the Church of Christ* (Ny Boky misy ireo didy ho fitondrana ny Fiangonan' i Kristy). Momba io boky io dia nanao fanambarana lehibe ireo loholon' ny Fiangonana fa efa vavolombelona nanambara tamin' ny fanahiny ny Tompo fa marina ireo fanambarana ireo. Koa satria notohizan' ny Tompo ny fifandraisana tamin' ny mpanompony, dia firaketana notovanana no navoaka tao Kirtland, Ohio, roa taona tatỳ aoriana, nitondra ny lohateny hoe: *Doctrine and Covenants of the Church of the Latter Day Saints* (Fotopampianarana sy Fanekepiahavan' ny Fiangonan' ny Olomasin' ny Andro Farany). Natambatra tamin' io boky tamin' ny taona 1835 io ny fanambarana an-tsoratra nataon' ireo Apostoly Roa ambin' ny folo, araka izao manaraka izao:

TENIVAVOLOMBELON' IREO
APOSTOLY ROA AMBIN' NY FOLO NY AMIN' NY
FAHAMARINAN' NY BOKY FOTOPAMPIANARANA
SY FANEKEMPIHAVANANA

Ny Tenivavolombelon' ireo Vavolombelon' ny Boky misy ny didin' ny Tompo, didy izay nomeny ny Fiangonany tamin' ny alalan' i Joseph Smith zanany, izay notendren' ny feon' ny Fiangonana ho amin' izany tanjona izany:

Noho izany izahay dia vonona hijoro ho vavolombelona amin' ny olombelona rehetra, amin' ny olona tsirairay eto ambonin' ny tany, fa efa vavolombelona nanambara tamin' ny fanahinay ny Tompo, tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina narotsaka taminay, fa nomena tamin' ny fitaoman' ny fanahin' Andriamanitra ireo didy ireo, ary ahazoan' ny olon-drehetra tombontsoa, ary tena marina tokoa.

Omenay izao tontolo izao ity tenivavolombelona ity, ary ny Tompo no manampy anay; ary amin' ny alalan' ny fahasovan' Andriamanitra Ray sy ny an' i Jesoa Kristy Zanany no namelana anay hanana ny tombontsoa hitondra ity fanambarana ity ho an' izao tontolo izao,

ary ifalianay fatratra tokoa izany, ka ivavahanay mandrakariva ny Tompo mba hahazoan' ny zanak' olombelona tombontsoa izany.

Ireto no anaran' izy Roambinifololahy:

Thomas B. Marsh	Orson Hyde	William Smith
David W. Patten	Wm. E. McLellin	Orson Pratt
Brigham Young	Parley P. Pratt	John F. Boynton
Heber C. Kimball	Luke S. Johnson	Lyman E. Johnson

Tamin' ireo fanontana ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana nifanesy no natovana ireo fanampim-panambarana na rakisotratra hafa arakaraka ny nadraisana sy ny naneken' ny fivoriana mahefa na ny fihaonamben' ny Fiangonana azy ireny.

Nanomboka tamin' ny taona 1835 dia naiditra koa tao amin' ny fanontana ireo lesona fito mifanarakaraka momba ny fotopinoana; izany dia nitondra ny lohateny hoe: *Lectures on Faith* (Lahateny momba ny Finoana). Nomanina ireo mba hampiasaina tao amin' ny Sekolin' ny Mpaminany tao Kirtland, Ohio, nanomboka ny taona 1834 ka hatramin' ny taona 1835. Na dia ahazoana tombontsoa ho an' ny fotopampianarana sy ny fanabeazana aza ireo lahateny ireo, dia nesorina tao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana nanomboka tamin' ny fanontana izay nivoaka ny taona 1921, satria tsy nomena na natolotra ho fanambarana ho an' ny Fiangonana iray manontolo ireo.

Miharihary fa efa niverimberina tao amin' ireo fanontana navoaka teo aloha tamin' ny teny Anglisy ny hadisoana sasantsasany, indrindra fa teo amin' ny lafiny ara-tantara tao amin' ireo sasin-tenin' ny fizarana. Koa ity fanontana ity dia misy ny fanitsiana ireo daty sy anaran-toerana ary koa ireo fanitsiana madinidinika vitsivitsy hafa, rehefa hita fa nilaina izany. Natao ireo fanovana ireo mba hahatonga ny asa soratra hifanaraka amin' ny tahirin-kevitra ara-tantara. Anisan' ireo lafiny hafa mampiavaka ity fanontana farany indrindra ity ny fisian' ireo fanatsarana eo amin' ny fanondroan-teny mifampiditra, ny sasin-tenin' ny fizarana ary ny famintinana ny ventin-kevitra izay natao avokoa hanampy ny mpamaky mba hahazo sy hifaly amin' ny hafatry ny Tompo toy izay omena ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana.

Ny sasin-tenin' ireo fizarana ho an' ny fanontana tamin' ny teny Anglisy ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana dia misy ireo fanovozana avy ao amin' ny *History of the Church* (Tantaran' ny Fiangonana). Ny *History of the Church* dia boky fito mirakitra ny tantaran' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ny taona 1820 ka hatramin' ny taona 1848. Noho ireo boky ireo tsy voadika ary tsy misy afa-tsy amin' ny teny Anglisy, ny *History of the Church*, izay loharano nanovozana ireo sasin-tenin' ny fizarana ho amin' ity fanontana ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana ity dia manondro ireo bokin' io tantara io amin' ny teny Anglisy.

FILAHATR' IREO FIZARANA ARAKA NY VANIM-POTOANY

<i>Daty</i>	<i>Toerana</i>	<i>Fizarana</i>
1823 Septambra	Manchester, New York	2
1828 Jolay	Harmony, Pennsylvania	3
Fahavaratra	Harmony, Pennsylvania	10
1829 Febroary	Harmony, Pennsylvania	4
Martsa	Harmony, Pennsylvania	5
Aprily	Harmony, Pennsylvania	6, 7, 8, 9
Mey	Harmony, Pennsylvania	11, 12, 13
Jona	Fayette, New York	14, 15, 16, 17, 18
1830 Martsa	Manchester, New York	19
Aprily	Fayette, New York	20*, 21
Aprily	Manchester, New York	22, 23
Jolay	Harmony, Pennsylvania	24, 25, 26
Aogositra	Harmony, Pennsylvania	27
Septambra	Fayette, New York	28, 29, 30, 31
Ôktôbra	Fayette, New York	32*, 33
Nôvambra	Fayette, New York	34
Desambra	Fayette, New York	35, 36, 37
1831 Janoary	Fayette, New York	38, 39, 40
Febroary	Kirtland, Ohio	41, 42, 43, 44
Martsa	Kirtland, Ohio	45, 46, 47, 48, 49
Mey	Kirtland, Ohio	50
Mey	Thompson, Ohio	51
Jona	Kirtland, Ohio	52, 53, 54, 55, 56
Jolay	Ziona, Fivondronan' i Jackson, Missouri	57
Aogositra	Ziona, Fivondronan' i Jackson, Missouri	58, 59, 60
Aogositra	Teo akaikin' ny reniranon' i Missouri, Missouri	61, 62
Aogositra	Kirtland, Ohio	63
Septambra	Kirtland, Ohio	64
Ôktôbra	Hiram, Ohio	65
Ôktôbra	Orange, Ohio	66
Nôvambra	Hiram, Ohio	1, 67, 68, 69, 133
Nôvambra	Kirtland, Ohio	70
Desambra	Hiram, Ohio	71
Desambra	Kirtland, Ohio	72
1832 Janoary	Hiram, Ohio	73, 74
Janoary	Amherst, Ohio	75
Febroary	Hiram, Ohio	76
Martsa	Hiram, Ohio	77, 78, 79, 80, 81
Aprily	Fivondronan' i Jackson, Missouri	82, 83

* Tao na teo akaikin' ny toerana voalaza.

<i>Daty</i>	<i>Toerana</i>	<i>Fizarana</i>
Aprily	Independence, Missouri	83
1832 Aogositra	Hiram, Ohio	99
Septambra	Kirtland, Ohio	84
Nôvambra	Kirtland, Ohio	85
Desambra	Kirtland, Ohio	86, 87*, 88
1833 Febroary	Kirtland, Ohio	89
Martsa	Kirtland, Ohio	90, 91, 92
Mey	Kirtland, Ohio	93, 94
Jona	Kirtland, Ohio	95, 96
Aogositra	Kirtland, Ohio	97, 98
Ôktôbra	Perrysburg, New York	100
Desambra	Kirtland, Ohio	101
1834 Febroary	Kirtland, Ohio	102, 103
Aprily	Kirtland, Ohio	104*
Jona	Reniranon' i Fishing, Missouri	105
Nôvambra	Kirtland, Ohio	106
1835 Martsa	Kirtland, Ohio	107
Aogositra	Kirtland, Ohio	134
Desambra	Kirtland, Ohio	108
1836 Janoary	Kirtland, Ohio	137
Martsa	Kirtland, Ohio	109
Aprily	Kirtland, Ohio	110
Aogositra	Salem, Massachusetts	111
1837 Jolay	Kirtland, Ohio	112
1838 Martsa	Far West, Missouri	113*
Aprily	Far West, Missouri	114, 115
Mey	Spring Hill, Fivondronan' i Davie, Missouri	116
Jolay	Far West, Missouri	117, 118, 119, 120
1839 Martsa	Fonjan' i Liberty, Fivondronan' i Clay, Missouri	121, 122, 123
1841 Janoary	Nauvoo, Illinois	124
Martsa	Nauvoo, Illinois	125
Jolay	Nauvoo, Illinois	126
1842 Septambra	Nauvoo, Illinois	127, 128
1843 Febroary	Nauvoo, Illinois	129
Aprily	Ramus, Illinois	130
Mey	Ramus, Illinois	131
Jolay	Nauvoo, Illinois	132
1844 Jona	Nauvoo, Illinois	135
1847 Janoary	Winter Quarters (Nebraska ankehitriny)	136
1890 Ôktôbra	Salt Lake City, Utah	Filazana Ofisialy—1
1918 Ôktôbra	Salt Lake City, Utah	138
1978 Jona	Salt Lake City, Utah	Filazana Ofisialy—2

* Tao na teo akaikin' ny toerana voalaza.

NY FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA

FIZARANA 1

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany nandritra ny fihaonambe manokana nataon' ireo loholon' ny Fiangonana tao Hiram, Ohio, ny 1 Novambra 1831 (History of the Church [Tantaran' ny Fiangonana], 1:221–224). Maro ireo fanambarana efa noraisina tamin' ny Tompo talohan' io fotoana io, ary ny fanangonana azy ireo mba havoaka ho boky no anankiray tamin' ireo ventin-draharaha nankatoavina tamin' io fihaonambe io. Miendrika sasin-tenin' ny Tompo ho an' ny fotopampianarana, ny fanekempihavanana ary ny didy omena amin' izao fotoampitantanana izao ity fizarana ity.

1–7, Miantefa amin' ny olon-drehetra ny feo fampitandremana; 8–16, Mialoha ny Fiaviana Fanindroany ny Apôstazia sy ny faharatsiana; 17–23, Nantsoina mba hamerina indray ny fahamarinana sy ny herin' ny Tompo eto an-tany i Joseph Smith; 24–33, Navoaka ny Bokin' i Môrmôna ary naorina ny Fiangonana marina; 34–36, Hoesorina eto an-tany ny fiadanana; 37–39, Diniho ireo didy ireo.

MIHAINOA ianareo Ry Molon' ny ^afiangonako, hoy ny feon' Ilay mipetraka any amin' ny avo, izay mitsinjo ny olon-drehetra ny ^bmasonry; eny lazaiko marina tokoa: ^dMihainoa ianareo ry olona lavitra; ary ianareo izay any amin' ny nosin-dranomasina, miaraha mihaino.

2 Fa miantefa amin' ny olon-

drehetra marina tokoa ny ^afeon' ny Tompo, ary ^btsy misy afamiala; ary tsy misy maso izay tsy hahita, na sofina izay tsy handre, na ^dfo izay tsy hotohina.

3 Ary hotrobaran' alahelo mafy ny ^ampikomy; fa ^bhodradraina eo an-tampon-trano ny helony, ary hambara ny asany mifafina.

4 Ary hiantefa amin' ny olon-drehetra ny ^afeo fampitandremana amin' ny alalan' ny vavan' ny mpianatro izay efa nofidiko amin' izao ^bandro farany izao.

5 Ary handeha izy ireo ary tsy hisy hahasakana azy ireo, satria Izaho Tompo no efa nandidy azy ireo.

6 Indro, izao no ^afahefako sy ny fahefan' ireo mpanompoko ary ny sasin-teniko ho an' ny bokin' ny didiko, izay efa no-

1 1a 3 Ne. 27:3; F&F 20:1.
TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy.
b F&F 38:7–8.
TSM Andriamanitra.
d Deot. 32:1.
2a F&F 133:16.

b Phil. 2:9–11.
d TSM Fo.
3a TSM Fikomiana.
b Lio. 8:17; 12:3;
2 Ne. 27:11;
Môrm. 5:8.
4a Ezek. 3:17–21;

F&F 63:37.
TSM Asa Fitoriana;
Fampitandremana.
b TSM Andro Farany.
6a TSM Jesoa Kristy—
Fahefana.

meko azy ireo mba ^bhavoakany ho anareo, ry mponin' ny tany.

7 Koa "matahora sy mangovita ianareo ry olona, satria izay efa nodidiako Izaho Tompo ao anatin' dia ho ^btanteraka.

8 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, fa ireo izay mandeha mitondra ireny hafatra ireny ho an' ny mponin' ny tany, ireo no omena fahefana "hifehy na eto an-tany, na any an-danitra, ny tsy mpino sy ny ^bmpikomy;

9 Eny, marina tokoa, ny hifehy azy ireo ho amin' ny andro izay hampidinana tsisy fetra ny "fisafoakan' Andriamanitra amin' ny ^bolon-dratsy—

10 Amin' ny "andro izay hahatongavan' ny Tompo ^bhamaly ny olona tsirairay araka ny ^dasany avy sy "hamatra ny olona tsirairay araka ny famarana izay efa namarany ny namany.

11 Koa mandeha hatrany am-paran' ny tany ny feon' ny Tompo, mba handre izay rehe-tra te handre:

12 Miomana ianareo, miomana ianareo ho amin' izay ho avy, fa efa akaiky ny Tompo;

13 Ary mirehitra ny "fahateze-

ran' ny Tompo, ary diovina any an-danitra ny ^bsabany, ary hianjera amin' ny mponin' ny tany izany.

14 Ary haseho ny "sandrin' ny Tompo; ary avy ny andro, ka ireo izay tsy te ^bhandre ny feon' ny Tompo, na ny feon' ny mpampony, na tsy "hampandry sofina amin' ny tenin' ireo mpaminany sy ny apostoly, dia "hosarahina hiala avy eo anivon' ny olona;

15 Fa efa "nialany ny ^bôrdô-nansiko ary efa "nivadihany ny "fanekepiahavanako maharitra mandrakizay;

16 Tsy "mikatsaka ny Tompo izy ireo mba hanorina ny fahamarinany, fa samy mandeha amin' ny ^blalany ^davy ny olona tsirairay, ary manaraka ny "endriky ny andriamaniny avy, izay manam-pitoviana amin' izao tontolo izao ny endriny, ary an' ny sampy ny votoatiny, izay ^fmihantitra ary ho faty ao Babylona, dia ilay "Babylona lehibe izay hianjera.

17 Koa Izaho Tompo dia mahalala ny antambo izay hanjo ny "mponin' ny tany, ka nian-

6b F&F 72:21.

7a Deot. 5:29;

Mpto. 12:13.

b F&F 1:38.

8a TSM Famehezana.

b TSM Fikomiana.

9a Fan. 19:15-16;

1 Ne. 22:16-17.

b Môsià 16:2;

JS—M 1:31, 55.

10a TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

b Ezek. 7:4;

F&F 56:19.

TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

d Ohab. 24:12;

Almà 9:28; 41:2-5;

F&F 6:33.

e Mat. 7:2.

13a F&F 63:6.

b Ezek. 21:3; F&F 35:14.

14a Isa. 53:1.

b 2 Ne. 9:31;

Môsià 26:28.

d F&F 11:2.

e Asa 3:23;

Almà 50:20;

F&F 50:8; 56:3.

15a Jos. 23:16; Isa. 24:5.

b TSM Ôrdônansy.

d TSM Apôstazia.

e TSM Fanekepiahavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizay.

16a Mat. 6:33.

b F&F 82:6.

d Isa. 53:6.

e Eks. 20:4; 3 Ne. 21:17.

TSM Fanompoan-

tsampy.

f Isa. 50:9.

g F&F 64:24; 133:14.

TSM Babela, Babylona;

Rehak' Izao Tontolo

Izao.

17a Isa. 24:1-6.

tso an' i Joseph Smith zanany mpanompoko sy niteny taminy avy any an-danitra ary nanome azy didy;

18 Ary nanome didy koa ho an' ny hafa mba hanambaran' izy ireo ireto zavatra ireto amin' izao tontolo izao; ary mba hahatanteraka izao rehe-tra izao izay efa nosoratan' ny mpaminany—

19 Ny “zava-malemy amin' izao tontolo izao dia handroso sy handavo ireo zava-mahery sy matanjaka, mba tsy hanoro hevitra ny namany ny olona, sady tsy ^bhitoky amin' ny sandry nofo—

20 Fa mba hahazoan' ny olona tsirairay kosa “miteny amin' ny anaran' ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao;

21 Mba ho afaka hitombo eto an-tany koa ny finoana;

22 Mba ho azo aorina ny “fanekepiahavanako maharitra mandrakizay;

23 Mba ho azon' ny “malemy sy ny tsotra ^bambara hatrany amin' ny faran' izao tontolo izao ny fahafenoan' ny ^dfilazantsarako, ary eo anoloan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka.

24 Indro, Izaho Andriamanitra no efa niteny izany; avy Amiko ireo “didy ireo ary nomena ny mpanompoko tao amin' ny fahalemeny, araka ny fomba ^bfiteniny, mba hahatongavany ao amin' ny ^dfahatakarana.

25 Ka raha nanao hadisoana izy ireo, dia ho azo ampahafantarina izany;

26 Ary raha nitady “fahendrena izy ireo dia ho azo ampiaranina;

27 Ary raha nanota izy ireo dia ho azo “faizina, mba hahazoany ^bmibekaka;

28 Ary raha “nanetry tena izy ireo dia mba ho azo atanjahina sy tahina avy any ambony, ary handray ^bfahalalana ombieny ombieny.

29 Ary rehefa avy nandray ny rakitsoratra ny Nefita, eny, i Joseph Smith zanany mpanompoko, dia mba hahazo ny fahaizana handikana ny “Bokin' i Môrmôna amin' ny alalan' ny famindram-pon' Andriamanitra sy noho ny herin' Andriamanitra.

30 Ary koa mba hahazoan' ireo izay nomena ireto didy ireto “hery handatsahana ny fanorenan' ity ^bfiangonana ity

19a Asa 4:13; 2 Tan. 1:27; F&F 35:13; 133:58–59.

TSM Halememp-panahy.

b 2 Ne. 28:31.

TSM Matoky.

20a TSM Mijoro ho Vavolombelona.

22a F&F 39:11.

TSM Fanekepiahavanana; Fanekepiahavanana Vaovao sy Maharitra

Mandrakizay.

23a 2 Tan. 1:26–29.

b TSM Asa Fitoriana.

d TSM Filazantsara.

24a 2 Ne. 33:10–11; Môrô. 10:27–28.

b 2 Ne. 31:3;

Etera 12:39.

d F&F 50:12.

TSM Fahatakarana.

26a Jakoba 1:5; F&F 42:68.

TSM Fahendrena.

27a TSM Famaizana.

b TSM Fibebehana.

28a TSM Fanetren-tena.

b TSM Fahalalana.

29a TSM Bokin' i

Môrmôna.

30a F&F 1:4–5, 17–18.

b TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny; Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

ka hamoaka azy avy ao amin' ny haizina sy avy ao amin' ny ^dhaizimpito, dia ilay hany ^efiangonana marina sy velona eto ambonin' ny tany manontolo, izay tena ^fankasitrahako, Izaho Tompo, raha miteny amin' ny fiangonana manontolo fa tsy amin' ny mpikambana tsirairay—

31 Fa Izaho Tompo dia tsy afaka hijery ny ^fahotana amin' ny hamoram-po faran' izay bitika indrindra.

32 Na izany aza anefa, izay mibebaka sy mankatò ny didin' ny Tompo dia ^ahavela heloka;

33 Ary izay tsy ^amibebaka, dia ^bhoesorina aminy na dia ny hazavana izay efa noraisiny aza; fa tsy hiezaka ny ^dhitaona ny olona mandrakariva ny ^eFanahiko, hoy ny Tompon' ny Maro.

34 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa ry mponin' ny tany: Izaho Tompo dia vonona ny hampahafantatra ireto zavatra ireto amin' ny ^anofo rehetra;

35 Fa tsy ^amizaha tavan' olona

Aho, ary tiako ny hahafantaran' ny olona rehetra fa avy faingana tokoa ny ^bandro; tsy mbola tonga ny ora, saingy efa antomotra, izay hanesorana ny ^dfiadanana eto an-tany, ary hananan' ny ^edevoly hery amin' ny fanapahany.

36 Ary ny Tompo koa dia hanan-kery amin' ny ^aolomasiny sy ^bhanjaka eo ^danivony ary hidina amin' ny ^efitsarana eo amin' i ^fIdomeà, na izao tontolo izao.

37 Diniho ireto ^adidy ireto, fa marina ireo sady mahatoky, ary ny faminaniana sy ny ^bfampanantenana izay ao anatin' dia ho tanteraka avokoa.

38 Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko, ary tsy manalady ny tenako Aho; ary na dia levona aza ny lanitra sy ny tany, ny ^ateniko dia tsy ho levona fa ho ^btanteraka avokoa, na amin' ny alalan' ny ^dfeoko na amin' ny alalan' ny feon' ny ^empanompoko, dia ^firay ihany izany.

39 Fa indro, ary jereo, ny

30d TSM Haizim-panahy.

^e Ef. 4:5, 11–14.

TSM Fiangonana

Marina, Ireo

Famantarana Ny.

^f F&F 38:10.

31a Almà 45:16; F&F 24:2.

TSM Fahotana.

32a F&F 58:42–43.

TSM Mamela.

33a Môsià 26:32.

^b Almà 24:30;

F&F 60:2–3.

^d Gen. 6:3; 2 Ne. 26:11;

Môrm. 5:16;

Etera 2:15;

Môrô. 9:4.

^e TSM Fanahy Masina.

34a Mat. 28:19;

F&F 1:2; 42:58.

35a Deot. 10:17;

Asa 10:34;

Môrô. 8:12;

F&F 38:16.

^b TSM Andro Farany.

^d F&F 87:1–2.

TSM Fiadanana;

Famantaran' Ireo

Fotoana.

^e TSM Devoly.

36a TSM Olomasina.

^b TSM Jesoa Kristy—

Fanjakan' i Kristy amin' ny Arivotaona.

^d Zak. 2:10–11;

F&F 29:11; 84:118–119.

^e TSM Fitsarana.

^f TSM Izao Tontolo Izao.

37a TSM Soratra Masina.

^b F&F 58:31; 62:6; 82:10.

38a 2 Mpan. 10:10;

Mat. 5:18; 24:35;

2 Ne. 9:16;

JS—M 1:35.

^b F&F 101:64.

^d Deot. 18:18;

F&F 18:33–38; 21:5.

TSM Fanambarana;

Feo.

^e TSM Mpaminany.

^f TSM Fahefana;

Fanohanana ireo

Mpitondra ny

Fiangonana.

Tompo no Andriamanitra, ary ny ^aFanahy dia vavolombelona manambara, ary marina ny

fanambarany, ary ny ^bfahamarinana dia mitoetra mandrakizay mandrakizay. Amena.

FIZARANA 2

Ampahany nalaina tamin' ny tenin' ny anjely Môrônia tamin' i Joseph Smith Mpaminany, raha mbola tao an-tranon-drainy tao Manchester, New York, ny Mpaminany, ny harivan' ny 21 Septambra 1823 (History of the Church, 1:12). Môrônia no farany tamin' ireo mpahay tantara maro nifandimby izay nanao ny rakitsoratra izay atolotra ankehitriny an' izao tontolo izao ho toy ny Bokin' i Môrmôna. (Ampitahao amin' ny Malakia 3:23-24; ary ny fizarana 27:9; 110:13-16; 128:18.)

1, Hanambara ny fisoronana i Elia; 2-3, Ambolena ao am-pon' ny zanaka ny fampanantenan' ny ray.

INDRO, hambarako aminareo ny Fisoronana amin' ny tanan' i ^aElia mpaminany, mialohan' ny fiavian' ny andron' ny Tompo, andro ^blehibe sy mahatahotra.

2 Ary ^ahamboleny ao am-pon' ny zanaka ny ^bfampanantenana natao tamin' ny ray, ary hitodika amin' ny rainy ny fon' ny zanaka.

3 Raha tsy izany dia hofongorana tanteraka ny tany manontolo amin' ny fiaviany.

FIZARANA 3

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Jolay 1828, momba ny fahaverezan' ny sora-tanana 116 takila, dika teny ampahany voalohany tamin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nantsoina hoe ny bokin' i Lehia. Tamim-pahalainana no namelan' ny Mpaminany ny hifindran' ireo takila ireo avy eo am-pelatanany ho eo am-pelatanan' i Martin Harris izay efa nanompo toy ny mpitan-tsoratra nandritra ny fotoana fohy tamin' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna. Nomena tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima ny fanambarana. (History of the Church, 1:21-23.) (Jereo fizarana 10.)

1-4, Hodina mandrakizay ny lalan' ny Tompo; 5-15, Tsy maintsy mibebaka i Joseph Smith fa raha tsy izany dia mamery ny

fanomezam-pahasoavana handika teny; 16-20, Mivoaka ny Bokin' i Môrmôna mba hamonjena ny taranak' i Lehia.

39a 1 Jn. 5:6;
F&F 20:27; 42:17.
b TSM Fahamarinana.
2 1a Mal. 4:5-6;
3 Ne. 25:5-6;

F&F 110:13-15;
128:17; JS—T 1:38-39.
TSM Elia; Fanalahidin' ny Fisoronana.
b F&F 34:6-9; 43:17-26.

2a F&F 27:9; 98:16-17.
b TSM Famonjena ho an' ny Maty; Famehezana.

NY “asa sy ny fikasana ary ny zava-kendren’ Andriamanitra dia tsy azo sakanana ary tsy azo foanana.

2 Fa “Andriamanitra tsy mandeha amin’ ny lalana miolikolika, ary tsy mitodika any ankavanana na any ankavia Izy ary tsy mivadika amin’ izay efa nolazainy, koa mahitsy ny lalany ary hodina mandrakizay ny ^bdiany.

3 Tsarovy, tsarovy fa tsy ny “asan’ Andriamanitra no voasakana, fa ny asan’ ny olona;

4 Fa na dia mety hahazo fanambarana maro aza ny olona iray ary hanan-kery hanaovana asa mahatalanjona maro, kane-fa raha “mirehareha amin’ ny tanjaky ny tenany izy ary manao tsinontsinona ny ^btorohevitr’ Andriamanitra ka manaraka ny fibaikoan’ ny sitrapony sy ny “filan’ ny nofony, dia tsy maintsy lavo izy ary iharan’ ny “famalian’ Ilay Andriamanitra marina.

5 Indro, efa nankinina taminao ireny zavatra ireny, ary akory ny hahentitry ny didy nomena anao; ary tsarovy koa ireo fampanantenana izay efa natao taminao, raha tsy nodikainao izany.

6 Ary indro, impiry akory no efa “nandikanao ny didy sy ny lalàn’ Andriamanitra ka efa nanekenao ny ^bfandresen-dahatry ny olona.

7 Fa indro, tsy tokony ho “natahotra ny olona mihoatra noho Andriamanitra ianao. Na dia ataon’ ny olona tsinontsinona aza ny torohevitr’ Andriamanitra ary ^bamavoiny ny teniny—

8 Dia tokony ho nahatoky ianao; ary dia ho namelatra ny sandriny Izy ka ho nanohana sy ho niaro anao tamin’ ny “zanatsipika mirehitra rehetra an’ ny ^bfahavalo; ary dia ho niaraka taminao Izy tamin’ ny “fotoan-tsarotra rehetra.

9 Indro, ianao no Joseph, ary ianao dia nofinidy hanao ny asan’ ny Tompo, saingy noho ny fandikan-dalàna, raha tsy mitandrina ianao dia ho lavo.

10 Nefa tsarovy fa feno famindram-po Andriamanitra; koa mibebaha amin’ izay efa natao-nao ka mifanohitra amin’ ny didy izay nomeko anao, dia mbola voafidy ihany ianao ary antsoina indray ho amin’ ny asa;

11 Raha tsy ataonao izany, dia hafoy tanteraka ianao ka ho tonga tahaka ireo olona hafa

3 1a Sal. 8:3–9;
F&F 10:43.
2a Almà 7:20.
TSM Andriamanitra.
b 1 Ne. 10:18–19;
F&F 35:1.
3a Asa 5:38–39;
Môrm. 8:22;
F&F 10:43.
4a F&F 84:73.
TSM Fiavonavonana.
b Jakôba 4:10;

Almà 37:37.
TSM Didin’
Andriamanitra;
Torohevitra.
d TSM Ara-nofo.
e TSM Valifaty.
6a F&F 5:21;
JS—T 1:28–29.
b F&F 45:29; 46:7.
7a Sal. 27:1;
Lio. 9:26;
F&F 122:9.

TSM Herimpo;
Tahotra.
b Lev. 26:42–43;
1 Ne. 19:7;
Jakôba 4:8–10.
8a Ef. 6:16;
1 Ne. 15:24;
F&F 27:17.
b TSM Devoly.
d Almà 38:5.

ary tsy hanana fanomezam-pahasoavana intsony.

12 Ary fony ianao nanolotra izay efa nanomezan' Andriamanitra anao fahitana sy hery mba "handikana teny, dia natolotrao izay masina ho eo an-tanan' ny ^blehilahy ratsy,

13 Izay efa nanao tsinontsino-na ny torohevitr' Andriamanitra sy efa nandrava ny voady masina indrindra izay natao teo anoloan' Andriamanitra, ary efa niantehitra tamin' ny fandanjalanjany samirery sy "nirahareha tamin' ny fahendreny samirery.

14 Ary izany no antony izay efa namerezanao ny tombontsoanao nandritra ny fotoana fohy—

15 Satria efa navelanao hohitsakitsahina hatrany ampiandohana ny torohevitra ny "mpitarika anao.

16 Na dia izany aza anefa dia hitohy ny asako, fa tahaka ny efa nahatongavan' ny fahalalana ny "Mpamonjy teo amin' izao tontolo izao, tamin' ny alalan' ny ^btenivavolombelon' ny Jiosy, dia tahaka izany koa no hahatongavan' ny ^dfahalalana ny Mpamonjy amin' ny oloko—

17 Ary amin' ny "Nefita sy ny Jakôbita ary ny Jôsefita sy ny Zôramita amin' ny alalan' ny tenivavolombelon' ireo razany—

18 Ary ity "tenivavolombelona ity dia ho tonga amin' ny fahalalalan' ny ^bLamanita sy ny Lemoelita ary ny Isimaelita izay ^dnihemotra tao amin' ny tsy finoana noho ny faharatsian' ny razany izay efa navelan' ny Tompo "hamongotra ireo Nefita rahalahiny noho ny helony sy ny fahavetavetany.

19 Ary noho izao "antony izao indrindra no itehirizana ireny ^btakelaka ireny izay mirakitra ireto rakitsoratra ireto—mba hahatanteraka ny "fampanantenan' ny Tompo izay nataony tamin' ny olony;

20 Ary mba hahatonga ny "Lamanita amin' ny fahalalana ny razany, ary mba hahafahany mahafantatra ny fampanantenan' ny Tompo, ary mba hahafahany ^bmino ny filazantsara sy ^dmiantehitra amin' ny fahamendrehan' i Jesoa Kristy ary "homem-boninahitra amin' ny alalan' ny finoana ny anarany sy hovanjena amin' ny alalan' ny fibebahany. Amena.

12a F&F 1:29; 5:4.

b F&F 10:6-8.

13a TSM Fiavonavonana.

15a IE ny Tompo.

16a TSM Mpamonjy.

b 1 Ne. 13:23-25;

2 Ne. 29:4-6.

d Môsià 3:20.

17a 2 Ne. 5:8-9.

18a TSM Bokin' i

Môrmôna.

b 2 Ne. 5:14;

Enôsa 1:13-18.

d 2 Ne. 26:15-16.

e Môrm. 8:2-3.

19a 1 Ne. 9:3, 5.

b TSM Takela-bolamena.

d 3 Ne. 5:14-15;

F&F 10:46-50.

20a 2 Ne. 30:3-6;

F&F 28:8; 49:24.

b Môrm. 3:19-21.

d 2 Ne. 31:19;

Môrô. 6:4.

e Môrô. 7:26, 38.

FIZARANA 4

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an-drainy, i Joseph Smith, Rainy tao Harmony, Pennsylvania ny volana Febroary 1829 (History of the Church, 1:28).

1-4, Mamonjy ny mpanompon' ny Tompo ny fanompoana amin-kafanam-po; 5-6, Ny toe-panahy araka an' Andriamanitra no mahalany azy ireo ho amin' ny asa fanompoana; 7, Tokony hokatsahina ny zavatr' Andriamanitra.

ANKEHITRINY indro, asa airay "mahatalanjona no efa akaiky hitranga eo anivon' ny zanak' olombelona.

2 Koa, Ô ianareo izay mirotsaka amin' ny "fanompoana an' Andriamanitra, ataovy izay hanompoanareo Azy amin' ny "fo, ny hery, ny saina, ary ny tanjakareo rehetra, mba hahazoanareo mijoro "tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra amin' ny andro farany.

3 Koa raha manam-paniriana ny hanompo an' Andriamanitra ianareo dia "antsoina ho amin' ny asa;

4 Fa indro, efa masaka sahadry ny "eny an-tsaha mba "hojinjai-na; ary indro, izay mandroso ny antsimbilony amin' ny heriny dia izy no mihary ho amin' ny "ho avy mba tsy hahafaty ny tenany, fa mitondra famonjena kosa ho an' ny fanahiny;

5 Ary ny "finoana, ny "fanantenana, ny "fiantrana ary ny "fitiavana mbamin' ny "maso tsy mibanjina afa-tsy ny "voninahitr' Andriamanitra no mahalany azy ho amin' ny asa.

6 Tsarovy ny finoana, ny "fahatsaran-toetra, ny fahalalana, ny fahononam-po, ny "faharetana, ny fifankatiavan' ny mpirahalaha, ny toetra araka an' Andriamanitra, ny fiantrana, ny "fanetren-tena ary ny "zotom-po.

7 "Mangataha dia hahazo ianareo; dondony dia hovohana ianareo. Amena.

4 1a Isa. 29:14;
1 Ne. 14:7; 22:8;
F&F 6:1; 18:44.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.
2a TSM Fanompoana.
b Jos. 22:5;
1 Sam. 7:3;
F&F 20:19; 76:5.
d TSM Fo; Saina.
e 2 Tan. 1:8;
Jakôba 1:19;

3 Ne. 27:20.
3a F&F 11:4, 15; 36:5;
63:57.
TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra.
4a Jao. 4:35;
Almà 26:3-5;
F&F 11:3; 33:3, 7.
b TSM Fararano.
d 1 Tim. 6:19.
5a TSM Finoana.
b TSM Fanantenana.
d TSM Fiantrana.

e TSM Fitiavana.
f Sal. 141:8;
Mat. 6:22;
Môm. 8:15.
g TSM Voninahitra.
6a TSM Hatsaran-toetra.
b TSM Faharetana.
d TSM Fanetren-tena.
e TSM Fahazotoana.
7a Mat. 7:7-8;
2 Ne. 32:4.
TSM Vavaka.

FIZARANA 5

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania ny volana Martsa 1829 noho ny fangatahan' i Martin Harris (History of the Church, 1:28-31).

1-10, *Handray ny tenin' ny Tompo amin' ny alalan' i Joseph Smith ity taranaka ity; 11-18, Hanambara ny amin' ny Bokin' i Môrmôna ny vavolombelona telo; 19-20, Ho voamarina toy ny tamin' ny fotoana tany aloha ny tenin' ny Tompo; 21-35, Afaka mibekaka i Martin Harris ary ho tonga anankiray amin' ireo vavolombelona.*

INDRO lazaiko aminao, fa satria efa naniry vavolombelona avy Amiko i "Martin Harris mpanompoko, fa ianao Joseph Smith zanany mpanompoko dia efa nahazo ireo ^btakelaka izay efa nijoroanao ho vavolombelona sy efa naha-vavolombelona nanambara anao fa efa noraisinao Tamiko ireo;

2 Dia ankehitriny indro, izao no holazainao azy—Izy Ilay niteny taminao dia nilaza taminao hoe: Izaho Tompo no Andriamanitra, ary efa nanome anao ireto zavatra ireto Aho, ry Joseph Smith zanany mpanompoko, ka efa nandidy anao ny hijoroanao ho "vavolombelona ny amin' ireto zavatra ireto;

3 Ary efa nataoko izay hanao-

vanao fanekempihavanana Tamiko, fa tsy hampiseho azy ireo ianao raha tsy amin' ireo "olona izay nandidiako anao ireo; ary tsy ^bmanan-kery aminy ianao raha tsy Izaho no manome anao izany.

4 Ary anananao ny fanomezam-pahasoavana handika ny takelaka; ary izany no fanomezam-pahasoavana voalohany nomeko anao; ary efa nodidia-ko ny tsy hikatsahanao ny hanan-jo amin' ny fanomezam-pahasoavana hafa raha tsy efa tontosa ny tanjoko amin' izany; satria tsy homeko anao ny fanomezam-pahasoavana hafa raha tsy efa vita izany.

5 Lazaiko aminao marina tokoa, fa loza no hanjo ny mpoin' ny tany raha "tsy te hihaino ny teniko izy;

6 Fa "hatokana ianao any aoriana ary handeha sy hanambara ny ^bteniko amin' ny zanak' olombelona.

7 Indro, raha tsy te "hino ny teniko izy, dia tsy hino anao izy ry Joseph mpanompoko, raha toa aza ka ho azo natao ny hanehoanao aminy ireto zavatra

5 1a F&F 5:23-24;
JS—T 1:61.

b TSM Takela-bolamena.

2a TSM Vavolombelona.

3a 2 Ne. 27:13.

Jereo koa Ny

Tenivavolombelon'

ny Vavolombelona

Telo sy ny
Tenivavolombelon'
ny Vavolombelona
Valo ao amin' ireo
pejy voalohan'
ny Bokin' i
Môrmôna.

b 2 Ne. 3:11.

5a Jer. 26:4-5;
Almà 5:37-38;

F&F 1:14.

6a F&F 20:2-3.

TSM Manokana.

b 2 Ne. 29:7.

7a Lio. 16:27-31;

F&F 63:7-12.

rehetra izay efa nankiniko tamin'ao ireto.

8 O, ity taranaka "tsy mpino sy ^bmafy hatoka ity—mirehitra aminy ny fahatezerako.

9 Indro, lazaiko amin'ao marina tokoa, efa "notehiriziko ireo zavatra izay efa nankiniko tamin'ao ireo ry Joseph mpanompoko, noho ny fikasana hendry ao Amiko, ary hampahafantarina ny taranaka ho avy izany;

10 Fa ity taranaka ity dia hahazo ny teniko amin' ny alalanao;

11 Ary ho fanampin' ny tenivavolombelonao, ny "tenivavolombelon' ny telo amin' ireo mpanompoko izay hantsoiko sy hatokako, izay hanehoako ireto zavatra ireto, ary dia handeha izy ireo miaraka amin' ny teniko izay omena amin' ny alalanao.

12 Eny, ho fantany marina tokoa fa marina ireto zavatra ireto, fa avy any an-danitra no hanambarako izany aminy.

13 Homeko hery izy ireo mba hahazoany mijery sy mibanjina ireto zavatra ireto araka izao endriny izao;

14 Ary "tsy misy olon-kafa homeko ity hery ity handraisana io tenivavolombelona io

eo anivon' ity taranaka ity, amin' izao fiandohan' ny fitsanganana sy fivoahan' ny ^bfiangonako avy ao an-tany foana izao—mangoratsaka toy ny ^dvolana sy mamirapiratra toy ny masoandro ary mahatahotra toy ny antokon-tafika mitondra faneva.

15 Ary halefako ny tenivavolombelon' ireo "vavolombelona telo ny amin' ny teniko.

16 Ary indro, na zovy na zovy no "mino ny teniko, dia izy no ^bhovangiako amin' ny "fanehoana ny "fanahiko; ary ^fhaterako izy, dia amin' ny rano sy ny Fanahy—

17 Ary tsy maintsy miandry kely aloha ianao satria tsy mbola "voatokana—

18 Ary hivoaka koa ny tenivavolombelony ho "fanamelohana ity taranaka ity, raha manamafy ny fony amin' izany izy;

19 Fa hivoaka eo anivon' ny mponin' ny tany ny "antambo mahafadiranovana ary hitohy ombieny ombieny ny fampidinana izany, raha tsy ^bmibebaka izy, ambara-pahatongan' ny tany ho ^dfoana, ary ny mponina ao aminy ho levona sy ho fon-

8a TSM Tsy Finoana.
b Môrm. 8:33.
TSM Fiavonavonana.
9a Almà 37:18.
11a 2 Ne. 27:12;
Etera 5:3–4;
F&F 17:1–5.
14a 2 Ne. 27:13.
b TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy;
Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

d F&F 105:31; 109:73.
15a F&F 17:1–20.
TSM Vavolombelon' ny Bokin' i Môrmôna.
16a Etera 4:11.
b 1 Ne. 2:16.
d F&F 8:1–3.
e TSM Fanahy Masina.
f TSM Batisa; Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra; Fanomezana ny Fanahy Masina.

17a TSM Fahefana; Manokana.
18a 1 Ne. 14:7;
F&F 20:13–15.
19a F&F 29:8; 35:11;
43:17–27.
TSM Andro Farany;
Famantaran' Ireo Fotoana.
b TSM Fibebehana.
d Isa. 24:1, 5–6.

gotra tanteraka amin' ny famirapiratan' ny "fiaviako.

20 Indro, lazaiko anao ireto zavatra ireto, tahaka ny "nilazako tamin' ny olona koa ny amin' ny fandravana an' i Jerosalema; ary ho voamarina ny ^bteniko amin' izao fotoana izao toy ny efa naha voamarina azy hatrizao.

21 Ary ankehitriny, mandidy anao Aho, ry Joseph mpanompoko, hibebaka sy handeha araka ny hitsiny kokoa eo anoloako ary tsy hilefitra intsony amin' ny fandresen-dahatry ny olona;

22 Ary mba ho hentitra ianao amin' ny "fitandremana ny didy izay efa nandidiako anao; ary raha ataonao izany, dia indro omeko anao ny fiainana mandrakizay, na dia ^bhovonoina aza ianao.

23 Ary ankehitriny teneniko indray aminao, ry Joseph mpanompoko, ny momba ilay "lehilahy izay maniry vavolombelona—

24 Indro, lazaiko aminy, manandra-tena izy ary tsy ampy fanetren-tena eo anoloako; fa raha miankohoka eo anoloako izy ary manetry tena amin' ny faherezana mivavaka sy ny finoana mahery, amin' ny fahitsian' ny fony, dia hotoviko aminy ny "fahitana ny zavatra izay iriany ho hita.

25 Ary avy eo dia hilaza amin'

ny olon' ity taranaka ity izy hoe: Indro, efa hitako ireo zavatra izay efa nasehon' ny Tompo an' i Joseph Smith zanany, ary "fantatro marina tokoa fa marina ireo, satria efa hitako ireo, fa efa naseho ahy ireo tamin' ny herin' Andriamanitra fa tsy tamin' ny an' ny olona.

26 Ary Izaho Tompo dia mandidy azy, Martin Harris mpanompoko, mba tsy hilazany amin' izy ireo intsony ny momba ireto zavatra ireto afa-tsy ny hilazany hoe: Efa hitako ireo, ary efa naseho ahy ireo tamin' ny herin' Andriamanitra; ary ireo teny ireo no holazainy.

27 Nefa raha laviny izany, dia horavany ny fanekempihavanana izay efa nifanekeny taloha Tamiko, ary indro, voaheloka izy.

28 Ary ankehitriny, raha tsy manetry tena izy ary miaiky Amiko ny zavatra izay efa nataony izay diso, ary mifanaiky Amiko fa hotandremany ny didiko ary hampihariny ny finoana Ahy, dia indro, lazaiko azy fa tsy hanana fahitana toy izany izy, satria tsy hotoviko aminy ny fahitana ny zavatra izay efa noteneniko.

29 Ary raha izany no mitranga, dia mandidy anao Aho, ry Joseph mpanompoko, hilaza aminy mba tsy hanaovany na inona na inona intsony, na

19e Isa. 66:15–16;

F&F 133:41.

TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

20a 1 Ne. 1:18; 2 Ne. 25:9.

b F&F 1:38.

22a TSM Mankatò.

b Almà 60:13;

F&F 6:30; 135:1–7.

23a F&F 5:1.

24a Jereo ny

Tenivavolombelon'

ny Vavolombelona

Telo ao amin' ireo

pejy voalohan' ny

Bokin' i Môrmôna.

25a Etera 5:3.

hanelingelenany Ahy intsony momba ity zavatra ity.

30 Ary raha izany no mitranga, dia indro, lazaiko aminao ry Joseph, rehefa avy mandika takila misimisy kokoa ianao dia hijanona mandritra ny fotoana fohy, ambara-piteniko aminao indray; avy eo dia mahazo mandika indray ianao.

31 Ary raha tsy manao izany ianao, dia indro, tsy hanana fanomezam-pahasoavana intsony ianao ary hoesoriko hiala ny zavatra izay efa nankiniko taminao.

32 Ary ankehitriny, satria efa tsinjoko ny fijokoana mba hamongorana anao, eny, efa tsinjoko fa raha tsy manetry tena i Martin Harris mpanompoko ka

tsy mandray ny vavolombelona avy Amiko, dia ho lavo ao amin' ny fandikan-dalàna izy;

33 Ary misy maro izay mijoko mba "hamongotra anao tsy ho eto ambonin' ny tany; ary noho izao antony izao, mba hahalava ny andronao no efa nanomezako ireto didy ireto.

34 Eny, noho izany antony izany no efa nilazako hoe: Mijanona ary mamitsaha ambara-pandidiako anao, dia "homeko ireo fitaovana izay hahazoanao manatontosa ny zavatra izay efa nandidiako anao ianao.

35 Ary raha "mahatoky amin' ny fitandremana ny didiko ianao dia "hasandratra amin' ny andro farany. Amena.

FIZARANA 6

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany sy i Oliver Cowdery tao Harmony, Pennsylvania ny volana Aprily 1829 (History of the Church, 1:32–35). Natombok' i Oliver Cowdery ny asan' ny mpitantso-ratra tamin' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna ny 7 Aprily 1829. Efa avy nandray ny fanehoana avy amin' Andriamanitra ny amin' ny fahamarinan' ny tenivavolombelon' ny Mpaminany momba ireo takelaka izay nisokirana ny rakitsoratra ny Bokin' i Môrmôna izy. Nanontany ny Tompo tamin' ny alalan' ny Orima sy ny Tomima ny Mpaminany ary nandray izao valinteny izao.

1–6, Mahazo ny famonjena ireo mpiasa ao amin' ny sahan' ny Tompo; 7–13, Tsy misy fanomezam-pahasoavana lehibe kokoa noho ny fanomezana ny famonjena; 14–27, Tonga amin' ny alalan' ny herin' ny fanahy ny vavolombelon' ny

fahamarinana; 28–37, Banjino i Kristy ary manaova soa lalandava.

ASA lehibe sy "mahatalanjo-
Ana no efa akaiky hitranga
ho an' ny zanak' olombelona.

2 Indro, Izaho no Andriamani-

33a F&F 10:6; 38:13, 28.

34a 1 Ne. 3:7.

35a Eks. 15:26;

F&F 11:20.

b Jao. 6:39–40;

1 Tes. 4:17; 3 Ne. 15:1;

F&F 9:14; 17:8; 75:16,

22.

6 1a Isa. 29:14;

F&F 4:1–7; 18:44.

tra; mampandria sofina amin' ny "teniko izay mailaka sy mahery, ^bmaranitra kokoa noho ny sabatra roa lela ka manasarakana ny famavany sy ny tsoka; koa mampandria sofina amin' ny teniko.

3 Indro, efa masaka sahady ny "eny an-tsaha mba hojinjaina; koa na zovy na zovy no maniry hijinja, dia aoka izy handroso ny antsimbilony amin' ny heriny ary hijinja raha mbola maharitra ny andro, mba hahazoany mirakitra famonjena maharitra mandrakizay ho an' ny fanahiny ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

4 Eny, na zovy na zovy no "handroso ny antsimbilony sy hijinja, dia izy no antsoin' Andriamanitra.

5 Koa raha "mangataka Amiko ianareo dia hahazo; raha mandondona ianareo dia hovohana.

6 Ankehitriny, satria efa nangataka ianareo, dia indro, lazaiko aminareo, tandremo ny didiko ary "katsaho ny hampijoro sy hampiorina ny fotokevitry i ^bZiona;

7 Aza "mikatsaka ^bharena fa ^dfahendrena kosa, dia indro,

hovelarina aminareo ny "misterin' Andriamanitra ary amin' izany dia hatao manan-karena ianareo. Indro, izay manana ny ^ffiainana mandrakizay no manan-karena.

8 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, hatao aminareo araka izay irinareo Amiko; ary raha irinareo, dia ianareo no ho fitaovana amin' ny fanaovan-tsoa be amin' ity taranaka ity.

9 Aza milaza na inona na inona afa-tsy "fibebehana amin' ity taranaka ity; tandremo ny didiko, ary ampio mba hiroborobo ny asako, araka ny didiko, dia hotahiana ianareo.

10 Indro manana fanomezampahasoavana ianao, ary tahiana ianao noho ny fanomezampahasoavana anananao. Tsarovy fa "masina sy avy any ambony izany —

11 Ary raha "manontany ianao, dia ho fantatrao ireo ^bmistery izay lehibe sy mahatalanjona; koa hampiasa ny ^dfanomezampahasoavana izay anananao ianao, mba hahazoanao mahita ireo mistery ka hahazoanao mitondra ny maro ho amin' ny fahalalana ny marina, eny,

2a Heb. 4:12;

Fan. 1:16;

F&F 27:1.

b Hel. 3:29;

F&F 33:1.

3a Jao. 4:35;

F&F 31:4; 33:3;

101:64.

4a Fan. 14:15–19;

Almà 26:5;

F&F 11:3–4, 27.

5a Mat. 7:7–8.

6a 1 Ne. 13:37.

b TSM Ziona.

7a Almà 39:14;

F&F 68:31.

b 1 Mpan. 3:10–13;

Mat. 19:23;

Jakôba 2:18–19.

TSM Harena;

Rehak' Izao

Tontolo Izao.

d TSM Fahendrena.

e F&F 42:61, 65.

TSM Misterin'

Andriamanitra.

f F&F 14:7.

9a Almà 29:9;

F&F 15:6; 18:14–15;

34:6.

TSM Asa Fitoriana;

Fibebehana.

10a F&F 63:64.

11a F&F 102:23;

JS—T 1:18, 26.

b Mat. 11:25; 13:10–11;

Almà 12:9.

d TSM Fanomezam-

pahasoavana;

Fanomezam-

pahasoavan' ny

Fanahy.

‘mandresy lahatra azy ireo ny amin’ ny hadisoan’ ny lalany.

12 Aza ampahafantarina na iza na iza ny fanomezam-pahasoavana anananao afa-tsy ireo izay iray finoana aminao. Aza hamaivanina ireo “zavamasina.

13 Raha manao ny tsara ianao, eny, ary “mijanona ho ^bmahatoky hatramin’ ny “farany dia hohonjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra, izay lehibe indrindra amin’ ny fanomezana rehetra avy amin’ Andriamanitra; fa tsy misy fanomezana lehibe kokoa noho ny fanomezana ny ‘famojena.

14 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, sambatra ianao noho izay efa nataonao; fa efa “nanontany Ahy ianao, ary indro, isaky ny avy nanontany ianao dia efa nandray toromarika avy amin’ ny Fanahiko. Raha tsy izany dia tsy ho tonga teo amin’ ny toerana izay misy anao amin’ izao fotoana izao ianao.

15 Indro, fantatrao fa efa nanontany Ahy ianao ary nanazava ny “sainao Aho; ary ankehitriny lazaiko aminao ireto zavatra ireto mba hahafantaranao fa efa nohazavain’ ny Fanahin’ ny fahamarinana ianao;

16 Eny, lazaiko aminao mba hahafantaranao fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra ihany no “mahalala ny eritreritrao sy ny fisaintsainan’ ny ^bfonao.

17 Lazaiko aminao ireto zavatra ireto ho vavolombelona aminao—fa ny teny na ny asa izay efa nosoratanao dia “marina.

18 Koa “mazotoa, ^btohana amim-pahatokiana tokoa i Joseph mpanompoko, na toa inona na toa inona toe-javatra sarotra mety hisy azy noho ny teny.

19 Anaro izy noho ny hadisoany, ary raiso koa ny fananarana avy aminy. Mahareta; manàna fahamaotinana; mahonona tena; manàna faharetana, finoana, fanantenana ary fiantrana.

20 Indro, ianao no Oliver, ary efa niteny taminao Aho noho ny fanirianao; koa “raketo ao amponao ireto teny ireto. Aoka ho mahatoky sy ho mazoto amin’ ny fitandremana ny didin’ Andriamanitra ianao dia hisakambina anao amin’ ny sandrim-pitiavako Aho.

21 Indro, Izaho no Jesoa Kristy, Ilay “Zanak’ Andriamanitra. Izaho Ilay tonga tany amin’ ny ^bAhy, ary ny Ahy tsy nandray Ahy. Izaho no “fahazavana izay mamirapiratra ao

11e Jakoba 5:20;
Almà 62:45;

F&F 18:44.

12a Mat. 7:6.

13a Môsià 2:41;

Etera 4:19;

F&F 51:19; 63:47.

b 1 Ne. 15:24.

d TSM Maharitra.

e TSM Famonjena.

14a TSM Vavaka.

15a TSM Saina.

16a 1 Tan. 28:9;

Mat. 12:25;

Heb. 4:12;

Môsià 24:12;

3 Ne. 28:6.

TSM Heni-pahalalana.

b 1 Mpan. 8:39.

17a F&F 18:2.

18a TSM Fahazotoana.

b F&F 124:95–96.

20a Etera 3:21; F&F 84:85.

21a TSM Jesoa Kristy.

b Jao. 1:10–12;

Asa 3:13–17;

3 Ne. 9:16; F&F 45:8.

d Jao. 1:5; F&F 10:58.

TSM Fahazavana,

Fahazavan’ i Kristy.

amin' ny ^ahaizina, ary ny haizina tsy mahazo izany.

22 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha maniry vavolombelona fanampiny ianao, dia avereno ao an-tsainao ilay alina izay nitalahoanao Tamiko tao am-ponao, mba ^ahahafantaranao ny momba ny fahamari-nan' ireto zavatra ireto.

23 Tsy nilaza ^afiadanana tamin' ny sainao va Aho momba izany? Inona no ^bvavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao noho izay avy amin' Andriamanitra?

24 Ary ankehitriny indro, efa nahazo vavolombelona ianao; fa raha efa nolazaiko anao ireo zavatra izay tsy misy olona mahafantatra, tsy efa nahazo vavolombelona va ianao?

25 Ary indro, toviko aminao ny fanomezam-pahasoavana handikana teny, toa an' i Joseph ^ampanompoko, raha irinao Amiko izany.

26 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, fa misy ireo ^arakitsoratra izay mirakitra ny ankabeazan' ny filazantsarako izay efa nafenina noho ny ^bfaharatsian' ny olona;

27 Ary ankehitriny mandidy anao Aho, fa raha manana faniriana tsara ianao—faniriana hihary rakitsoa ho an' ny tenanao any an-danitra—dia hanampy

amin' ny fitondrana ho amin' ny mazava ireo ampahany amin' ny ^asoratra masina izay nafenina noho ny faharatsiana ianao, amin' ny fanomezam-pahasoavana anananao.

28 Ary ankehitriny, indro ome-ko anao, ary koa an' i Joseph mpanompoko, ny fanalahidin' io fanomezam-pahasoavana io izay hitondra ity asa fanompoana ity ho amin' ny hazavana; ary amin' ny tenin' ny ^avavolombelona roa na telo no hanorenana ny teny rehetra.

29 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha laviny ny teniko sy ity ampahany amin' ny filazantsarako ary ny asa fonompoako ity, dia sambatra ianareo, satria tsy afaka manao misimisy kokoa aminareo mihoatra noho ny Amiko izy.

30 Ary raha ^ataony aminareo aza ny toy izay efa nataony Tamiko, dia sambatra ianareo fa ^bhiara-mitoetra Amiko ao amin' ny ^avoninahitra.

31 Fa raha tsy ^alaviny kosa ny teniko izay haorin' ny ^bteniva-volombelona izay homena, dia sambatra izy, ary amin' izany ianareo dia hanam-pifaliana amin' ny vokatry ny asanareo.

32 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, toy izay nolazaiko tamin' ny mpianatro, fa

21e TSM Haizim-panahy.

22a TSM Mamantatra, Fanomezam-pahasoavana Hoenti-

23a TSM Fiadanana.

b 1 Jn. 5:9; F&F 18:2.

25a Môsia 8:13;

F&F 5:4; 9:1–5, 10.

26a F&F 8:1; 9:2.

TSM Soratra Masina—Faminaniana ny amin' ny hivoahan' ny Soratra Masina.

b TSM Faharatsiana.

27a F&F 35:20.

28a Deot. 19:15;

2 Kor. 13:1;

2 Ne. 27:12–14;

F&F 128:3.

30a F&F 5:22; 135:1–7.

TSM Maritiora.

b Fan. 3:21.

d TSM Voninahitra.

31a 3 Ne. 16:10–14;

F&F 20:8–15.

b TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

na aiza na aiza no iarahan' ny roa na telo "miangona amin' ny anarako, ary na inona na inona antony, dia indro, ho eo ^bafovoa-ny Aho—tahaka izany koa dia eo afovoanareo Aho.

33 ^aAza matahotra ny hanao soa, anaka, fa izay ^bafafinareo no hojinjainareo; koa noho izany, raha mamafy soa ianareo dia hijinja ihany koa ny soa ho valiny.

34 Koa aza matahotra ry ondry vitsy; manaova soa; avelao hitambatra ny tany sy ny helo hanohitra anareo, fa raha miorina amin' ny "vatolampiko

ianareo, dia tsy afaka mandresy izy ireo.

35 Indro, tsy manameloka anareo Aho; mandehana ary aza "manota intsony; tontosao amin' ny fahamaotinana ny asa izay efa nandidiako anareo.

36 "Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra.

37 "Indro ny fery izay nandoka ny lanivoako, ary koa ny dian' ny ^bfantsika amin' ny tanako sy ny tongotro; aoka ho mahatoky, tandremo ny didiko, dia "handova ny "fanjakan' ny lanitra ianareo. Amena.

FIZARANA 7

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany sy i Oliver Cowdery tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Aprily 1829, tamin' izy ireo nanontany tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima raha toa ka nitoetra tao amin' ny nofo na efa maty i Jaona, ilay mpianatra lalaina. Ny fanambarana dia fandikana ilay rakitsoratra nataon' i Jaona tamin' ny boky hoditra ary nafenin' ny tenany ihany (History of the Church, 1:35–36).

1–3, *Ho velona i Jaona ilay lalaina mandra-piavin' ny Tompo*; 4–8, *Mihazona ny fanalahidin' ny filazantsara i Petera, i Jakoba ary i Jaona.*

ARY hoy ny Tompo tamiko: Ry Jaona "lalaiko, inona no

^birinao? Fa raha angatahinao izay irinao, dia hotovina aminao izany.

2 Ary hoy aho Taminy: Tompo ô, omeo hery amin' ny "fahafatesana aho, mba hahavelona ahy ka hitondrako fanahy ho anao.

3 Ary hoy ny Tompo tamiko:

32a Mat. 18:19–20.
TSM Firaisan-kina.

b F&F 29:5; 38:7.
33a TSM Herimpo.

b Gal. 6:7–8;
Môsià 7:30–31;
Almà 29:28;
F&F 1:10.

34a Sal. 71:3;
Mat. 7:24–25;
2 Tan. 10:1–4;
Hel. 5:12;

F&F 10:69; 18:4, 17;
33:13;
Mos. 7:53.

TSM Vatolampy.

35a Jao. 8:3–11.

36a Isa. 45:22; F&F 43:34.

37a TSM Jesoa Kristy—
Fisehoan' i Kristy
taorian' ny
fitsanganany tamin'
ny maty.

b TSM Fanomboana.

d Mat. 5:3, 10;
3 Ne. 12:3, 10.

e TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.

7 1a TSM Jaona,
Zanakalahin' i Zebedio.

b 3 Ne. 28:1–10.

2a Lio. 9:27.

TSM Fahafatesan' ny Vatana.

Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, satria irinao izany dia "hitoetra ianao mandra-piaviko ao amin' ny ^bvoninahitro, ka "haminany eo anoloan' ny firenena, ny foko, ny samy hafa fiteny ary ny mponina.

4 Ary noho izany antony izany, dia hoy ny Tompo tamin' i Petera: Raha tiako hitoetra izy mandra-piaviko, ahoanao inona izany? Satria niriany tamiko ny hahazoany mitondra fanahy ho Ahy, fa ny irinao kosa dia ny hahatongavanao faingana any amin' ny "fanjakako.

5 Lazaiko anao ry Petera fa faniriana tsara izany; saingy ilay lalaiko dia efa naniry ny hahazoany manao misimisy kokoa, na asa lehibe kokoa noho izay

efa nataony taloha teo anivon' ny olona.

6 Eny, efa niandraikitra asa lehibe kokoa izy; koa hataoko toy ny afo midedadeda sy ho "anjely manompo izy; izy dia hanompo an' ireo izay ho ^bmpandova famonjena izay mitoetra eto "an-tany.

7 Ary Izaho dia hanao anao ho mpanompony sy mpanompon' i Jakoba rahalahinao; ary homeko anareo telo ity hery ity sy ny "fanalahidin' ity asa fanompoana ity ambara-piaviko.

8 Lazaiko aminareo marina tokoa, ianareo roa lahy dia samy hahazo araka ny fanirianareo, satria ianareo roa lahy dia samy "mifaly amin' izay efa nirinareo.

FIZARANA 8

Fanambarana nomena an' i Oliver Cowdery tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Aprily 1829 (History of the Church, 1:36-37). Nandritra ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, i Oliver izay nanohy ny asan' ny mpitan-tsoratra sy nanoratra ny teny notononin' ny Mpaminany dia naniry ny hotafiana amin' ny fanomezam-pahasoavan' ny fandikan-teny. Namaly ny fitalahoany tamin' ny fanomezana ity fanambarana ity ny Tompo.

1-5, Tonga amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny fanambarana; 6-12, Ny fahalalana ny amin' ny misterin' Andriamanitra sy ny fahefana handika ireo rakitsoratra tranainy dia tonga amin' ny alalan' ny finoana.

LAZAIKO aminao marina dia marina tokoa ry "Oliver Cowdery, fa tahaka ny maha velona marina tokoa ny Tompo izay Andriamanitrao sy Mpanavotra anao no handraisanao marina tokoa ny ^bfahalalana ny

3a Jao. 21:20-23.
TSM Olona Novana.
b TSM Voninahitra;
Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.
d Fan. 10:11.
4a TSM Fanjakan'

Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.
6a F&F 130:5.
b F&F 76:86-88.
d Jao. 10:8-11;
F&F 77:14.
7a Mat. 16:19; Asa 15:7;

JS—T 1:72.
TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.
8a TSM Fifaliana.
8 1a JS—T 1:66.
TSM Cowdery, Oliver.
b TSM Fahalalana.

amin' izay zavatra rehetra ^ahangatahinao amin' ny finoana, amin-kitsim-po, rehefa mino fa horeaisinao ny fahalalana momba ireo soratra voasokitra eo amin' ireo ^erakitsoratra fahiny, izay tranainy, izay mirakitra ireo ampahany amin' ny soratra masina izay efa notenenina tamin' ny ^ffanehoan' ny Fana-hiko ireo.

2 Eny indro, ^ahiteny anao ao an-tsainao sy ao ^bam-ponao Aho, amin' ny alalan' ny ^aFanahy Masina izay ho tonga ao aminao sy hitoetra ao am-ponao.

3 Ankehitriny indro, io no fanahin'ny fanambarana; indro, io ilay fanahy izay nitondran' i Mosesy ny zanak' Isiraely namakivaky ny ^aRanomasina Mena, nandia tany maina.

4 Koa io no fanomezam-pahasoavana anananao; ampiasao izany, dia ho sambatra ianao, fa hanafaka anao eo an-tanan' ny fahavalonao izany, fa raha tsy izay no izy, dia hovoaniny ianao ka hoentiny any amin' ny famongorana ny fanahinao.

5 Ô tadi-dio ireto ^ateny ireto, ary tandremo ny didiko. Tadi-dio, io no fanomezam-pahasoavana anananao.

6 Ankehitriny tsy izay ihany no fanomezam-pahasoavana anananao; fa anananao ny fanomezam-pahasoavana iray hafa,

dia ny fanomezam-pahasoavan' i Aharôna; indro, efa nilaza zavatra betsaka taminao izany;

7 Indro, tsy misy hery hafa afa-tsy ny herin' Andriamanitra no mahatonga io fanomezam-pahasoavan' i Aharôna io ho ao aminao.

8 Koa aza miroanahana, satria fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra izany; ary hohazoninao eo an-tananao izany, ary hanao asa mahatalanjona ianao; ary tsy misy hery afaka manaisotra izany eo an-tananao, satria asan' Andriamanitra izany.

9 Koa na inona na inona hangatahinao Amiko holazaina anao amin' izany fomba izany, dia hotoviko aminao izany, ary hanana ny fahalalana momba izany ianao.

10 Tsarovy fa raha tsy misy ny ^afinoana, dia tsy mahavita na inona na inona ianao; koa mangataha amin' ny finoana. Aza hamaivanina ireto zavatra ireto; aza ^bmangataka izay tsy tokony hangatahinao.

11 Mangataha mba hahafantaranao ireo misterin' Andriamanitra ary mba hahazoanao ^amandika teny sy manovo fahalalana avy amin' ireo rakitsoratra tranainy rehetra izay efa nafenina ireo, izay masina; ary dia hotovina aminao araka ny finoanao izany.

1d TSM Vavaka.

e F&F 6:26-27; 9:2.

f F&F 5:16.

2a F&F 9:7-9.

TSM Fanambarana.

b TSM Fo.

d TSM Fanahy Masina.

3a Eks. 14:13-22;

Deot. 11:4; 1 Ne. 4:2;

Môsîà 7:19.

TSM Ranomasina

Mena.

5a Deot. 11:18-19.

10a TSM Finoana.

b F&F 88:63-65.

11a F&F 9:1, 10.

12 Indro, Izaho no efa niteny izany; ary Izaho ihany ilay efa

niteny taminao hatrany ampiandohana. Amena.

FIZARANA 9

Fanambarana nomena an' i Oliver Cowdery tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Aprily 1829 (History of the Church, 1:37–38). Nanarina i Oliver mba hanam-paharetana, ary notaomina izy tamin' izay fotoana izay hianina amin' ny fanoratana ny teny notononin' ny mpandika teny fa tsy hiezaka handika.

1–6, Mbola tokony hadika ireo rakitsoratra tranainy hafa; 7–14, Nadi-ka tamin' ny alalan' ny fandinihana sy tamin' ny fanamafisan' ny Fanahy ny Bokin' i Môrmôna.

INDRO, lazaiko anao anaka, fa satria tsy “nandika araka izay nirianao Tamiko ianao ary nanomboka ^bnanoratra indray ho an' i Joseph Smith zanany mpanompoko, dia tiako ny hanoizanao, ambara-pahavitanao ity rakitsoratra ity, izay efa nankiniko taminy.

2 Ary rehefa izany, indro, manana “rakitsoratra ^bhafa Aho, ka homeko hery ianao mba hahazoanao manampy amin' ny fandikana.

3 Mahareta anaka, fa fahendrena izany Amiko, ary tsy ilaina ny handikanao teny amin' izao fotoana izao.

4 Indro, ny asa izay iantsoana anao dia ny nanoratra ho an' i Joseph mpanompoko.

5 Ary indro, noho ianao tsy nanohy toy ny nanombohanao, fony ianao nanomboka nandika teny, no nanesorako izany zo izany hiala taminao.

6 Aza “mimonomonona anaka, satria fahendrena Amiko ny efa nitondrako anao araka izao fomba izao.

7 Indro, tsy azonao; noheverinao fa homeko anao izany, rehefa tsy nanana eritreritra afa-tsy ny hangataka izany Amiko ianao.

8 Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony “handinika izany ao antsainao ianao; rehefa izany dia tokony ^bhanontany Ahy ianao raha marina izany, ary raha marina izany, dia “hahamay ny ao “anatin' ny tratranao Aho; koa ho ^ctsapanao fa marina izany.

9 Fa raha tsy marina izany, dia tsy hanana fahatsapana toy izany ianao fa hanana kosa “fahadontoan' ny saina, izay hahatonga anao hanadino ny

9 1a F&F 8:1, 11.

b JS—T 1:67.

2a F&F 6:26; 8:1.

b Misy ifandraisany amin' ny asa fandikantenany fanampiny, hahitana ny Baiboly

dikantenin' i Joseph Smith sy ny bokin' i Abrahama, izay naha mpitan-tsoratra an' i Oliver Cowdery. TSM Dikantenin' i Joseph Smith (DJS).

6a TSM Mimonomonona.

8a TSM Misaintsaina.

b TSM Vavaka.

d TSM Fitaoman' ny Fanahy; Fijoroana ho Vavolombelona.

e Lio. 24:32.

f F&F 8:2–3.

9a F&F 10:2.

zavatra izay diso; koa tsy afaka manoratra izay masina ianao raha tsy omena anao avy Ami-ko izany.

10 Ankehitriny, raha naha-fantatra izany ianao dia ho afaka “nandika teny; kanefa dia tsy ilaina ny handikanao teny izao.

11 Indro, nilaina izany fony ianao nanomboka; saingy “natahotra ianao, ary efa dila ny fotoana, ary tsy ilaina izany ankehitriny;

12 Satria tsy hitanao va fa efa

nomeko tanjaka ampy i “Joseph mpanompoko mba hamenoana izany? Ary tsy nanameloka na iza na iza taminareo Aho.

13 Ataovy ity zavatra izay efa nandidiako anao ity, dia hiroborobo ianao. Aoka ho mahatoky, ary aza milefitra amin’ ny “fakampanahy.

14 Tomoera tsara amin’ ny “asa izay efa ^bniantsoako anao, dia tsy ho very na dia singambolo iray amin’ ny lohanao aza, ary “hasandratra ianao amin’ ny andro farany. Amena.

FIZARANA 10

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny taom-pahavaratra 1828 (History of the Church, 1:20–23). Tamin’ izany no nilazan’ ny Tompo tamin’ i Joseph ny momba ireo fanovana nataon’ ireo olon-dratsy tamin’ ireo sora-tanana 116 takila avy tamin’ ny fandikana ny bokin’ i Lehia, ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna. Very tany amin’ i Martin Harris izay nanankinana izany vetivety ireo sora-tanana tamina takila ireo. (Jereo ny sasin-tenin’ ny fizarana 3.) Ny fikasana mamohelatra dia ny miandry ny fandikana indray ny lahateny novelabelarina tamin’ ireo takila nangalarina, ary avy eo dia ny manala baraka ny mpandika teny amin’ ny fampisehoana ireo fifanoherana vokatry ny fanovana. Ity fikasana mamohelatra nokotrehana ilay ratsy ity dia efa fantatry ny Tompo fony mbola i Môrmôna, ilay mpahay tantara Nefita fahiny, no nanao ny famintinana ireo takelaka voangona, ary hita ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna izany (Jereo ny Tenin’ i Môrmôna 1:3–7).

1–26, Mambo- sy ireo olon-dratsy i Satana mba hanohitra ny asan’ ny Tompo; 27–33, Katsahiny ny hamongotra ny fanahin’ ny olona; 34–52, Handeha any amin’ ny Lamanita sy ny firenena rehetra ny filazantsara amin’ ny alalan’ ny Bokin’ i Môrmôna; 53–63,

Hanorina ny Fiangonany sy ny filazantsarany eo anivon’ ny olona ny Tompo; 64–70, Hanganiny ao amin’ ny Fiangonany ny mibebaka ary hovanjeny ny mankatò.

ANKEHITRINY indro, lazai-ko anao, fa satria natolotrao

10a F&F 8:11.
11a TSM Tahotra.
12a F&F 18:8.

13a TSM Fakam-panahy.
14a 2 Tan. 16:13.
b TSM Antso, Antsoin’

Andriamanitra.
d Almà 13:29;
F&F 17:8.

ho eo an-tanan' ny "olon-dratsy ireo soratra izay nahazoanao hery mba hadika amin' ny alalan' ny ^bOrima sy Tomima ireo, dia efa namery azy ireo ianao.

2 Ary namery niaraka tamin' izany koa ny fanomezam-pahasoavana nanananao ianao, ary nanjary maizina ny "sainao.

3 Kanefa dia "averina aminao indray izany ankehitriny; koa aoka ho mahatoky ianao ary mitozoa mba ho vita hatramin' ny farany ny ambiny amin' ny asa fandikana izay efa natombokao.

4 Aza mihazakazaka "faingana kokoa na miasa bebe kokoa mihoatra noho ny ^btanjaka anananao sy ny fitaovana nomena mba hahafahanao mandika; kanefa kosa "mazotoa hatramin' ny farany.

5 "Mivavaha mandrakariva mba hahazoanao mivoaka ho mpandresy; eny, mba hahazoanao mandresy an' i Satana ary mba hahazoanao mandositra ny tanan' ireo mpanompon' i Satana, izay manohana ny asany.

6 Indro, efa nokatsahin' izy ireo ny "hamongotra anao; eny, na dia ilay ^bolona izay efa nito-kiana aza dia efa nikatsaka ny hamongotra anao.

7 Ary noho izany antony izany no nilazako fa olon-dratsy izy, fa efa nokatsahiny ny hanaisotra ny zavatra izay efa nankinina taminao; ary efa nokatsahiny

koa ny hamongotra ny fanomezam-pahasoavana anananao.

8 Ary satria efa natolotrao ho eo an-tanany ireo soratra, dia indro, ireo olon-dratsy no efa naka ireo taminao.

9 Koa efa natolotrao ireo, eny, dia izay masina, ho an' ny faharatsiana.

10 Ary indro, efa napetrak' i "Satana tao am-pony ny hanova ny teny izay efa nampanoratinao, na izay efa nadikanao, izay votsoatra teny an-tananao.

11 Ary indro, lazaiko anao, fa satria efa novain' izy ireo ny teny, dia milaza izay mifanohitra amin' ny nadikanao sy ny efa nampanoratinao izany;

12 Ary dia toy izany no efa nikatsahan' ny devoly hamolavola tetika feno hafetsena mba hahazoany mamongotra ity asa ity;

13 Fa efa napetrany tao am-pon' izy ireo ny hanao izany, ka amin' ny fandaingana no hahazoan' izy ireo milaza fa "tratrany tamin' ny teny izay efa nihamboanao ho nadika ianao.

14 Lazaiko aminao marina tokoa, fa tsy havelako ny hanatontosan' i Satana ny fikasandratsiny amin' ity zavatra ity.

15 Fa indro, efa napetrany tao am-pon' izy ireo ny hahatonga anao haka fanahy ny Tompo Andriamanitrao, amin' ny fangatahana ny handika izany indray.

16 Ary amin' izany, indro, mi-

10 1a F&F 3:1-15.

b TSM Orima sy Tomima.

2a TSM Saina.

3a F&F 3:10.

4a Môsià 4:27.

b Eks. 18:13-26.

d Mat. 10:22.

TSM Fahazotoana.

5a 3 Ne. 18:15-21.

TSM Vavaka.

6a F&F 5:32-33; 38:13.

b F&F 5:1-2.

10a TSM Devoly.

13a Jer. 5:26.

teny sy mieritreritra anakampo izy ireo hoe—Ho hitantsika raha Andriamanitra no efa nome azy ny hery handika teny; raha izay no izy, dia hanome azy indray hery koa Izy;

17 Ary raha manome azy hery indray Andriamanitra, na raha mandika teny indray izy, na amin' ny teny hafa, raha mamoaika ireo teny ireo ihany izy, dia indro, efa ananantsika miaraka amintsika ireo, ary efa novantsika ireo;

18 Koa tsy hifanaraka ireo, ary holazaintsika fa efa nandainga tamin' ny teniny izy, ary tsy manana fanomezam-pahasovana, sy tsy manan-kery;

19 Koa hofongorantsika izy, ary ny asany koa; ary hataontsika izany mba tsy hahatonga antsika ho menatra amin' ny farany, ary mba hahazoantsika ny dera avy amin' izao tontolo izao.

20 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, fa efa nahazo vahana lehibe tamin' ny fony i Satana; "ambosiny izy ireo ho amin' ny ^bheloka hanohitra izay tsara;

21 Ary ny fony dia "ratsy ary feno ^bfaharatsiana sy fahavetavetana; ary "tian' izy ireo ny "haizina toy izay ny hazavana, satria ratsy ny ^fasany; koa tsy tian' izy ireo ny hangataka Amiko.

22 Ambosian' i "Satana izy ireo mba hahazoany ^bmitarika ny fanahiny ho any amin' ny famongorana.

23 Ary dia toy izany no efa namolavolany tetika feno hafetse-na, niheverany hamongorana ny asan' Andriamanitra; nefa hampamoahiko eo an-tanany izany ka havadika ho fahamenarana sy fanamelohana ho azy ireo izany amin' ny andro "fitsarana.

24 Eny, ambosiny ny fony ho tezitra amin' ity asa ity.

25 Eny, hoy izy aminy: Mami-taha sy mijokoa hisambotra, mba hahazoanareo mamongotra; indro, tsy manimba izany. Ary dia toy izany no andokafany azy ireo sy ilazany aminy fa tsy fahotana ny "mandainga mba hahazoany mahatratra ny olona ao amin' ny lainga, ka hahazoany mamongotra azy.

26 Ary dia toy izany no andokafany azy ireo sy "itarihany azy ireo hanaraka ambara-pisintonany ny fanahiny hidina any amin' ny ^bhelo; ary dia toy izany no anaovany izay hisamboran' izy ireo ny tenany ao amin' ny "fandrik' izy ireo ihany.

27 Ary dia toy izany no andehanany miaka-midina, "etsy sy eroa eto an-tany, mitady ny ^bhamongorana ny fanahin' ny olona.

28 Lazaiko aminao marina dia

20a 2 Ne. 28:20–22.

^b TSM Fahotana.

21a F&F 112:23–24.

^b TSM Faharatsiana.

^d Mos. 5:13–18.

^e Môsia 15:26.

TSM Haizim-panahy.

^f Jao. 3:18–21;

F&F 29:45.

22a 2 Ne. 2:17–18.

^b TSM Fakam-panahy.

23a Hel. 8:25;

F&F 121:23–25.

25a 2 Ne. 2:18; 28:8–9;

Almà 10:17; Mos. 4:4.

TSM Lainga.

26a TSM Apôstazia.

^b TSM Helo.

^d Ohab. 29:5–6;

1 Ne. 14:3.

27a Joba 1:7.

^b 2 Ne. 28:19–23;

F&F 76:28–29.

marina tokoa, lozan' izay mandainga mba "hamitaka, satria ataony fa misy iray hafa mandainga mba hamitaka, fa ny toa azy dia tsy afaka amin' ny ^bfa-maizan' Andriamanitra.

29 Ankehitriny indro, efa novain' izy ireo ireto teny ireto, satria hoy i Satana taminy: Efa nofitahiny ianareo — ary dia toy izany no andokafany azy ireo hanao heloka, mba hahatonga anao "haka fanahy ny Tompo Andriamanitrao.

30 Indro, lazaiko anao fa tsy handika indray ireo teny izay efa votsoatra teny an-tananao ireo ianao;

31 Fa indro, tsy ho tanterak' izy ireo ny teti-dratsiny amin' ny fandaingana hanoherana ireo teny ireo. Fa indro, raha mamoa ireo teny ireo ihany ianao, dia holazainy fa nandainga ianao ary nihambo ho nandika, saingy nifanohitra ny voalazanao.

32 Ary indro, havoakany izany, ary hanamafy ny fon' ny olona i Satana mba hamokisana azy ho tezitra aminao, ka tsy hinoany ny teniko.

33 Dia toy izany no heverin' i "Satana hanafoanana ny tenivavolombelonao amin' ity taranaka ity, mba tsy hivoahan' ny asa amin' ity taranaka ity.

34 Nefa indro, izao no fahen-

drena, ary satria anehoako "fahendrena ianao ary omeko anao ny didy momba izay hataonao mikasika ireo zavatra ireo, dia aza aseho izao tontolo izao izany raha tsy efa nahaton-tosa ny asa fandikana ianao.

35 Aza gaga amin' ny ilazako aminao hoe: Izao no fahendrena, aza aseho izao tontolo izao izany — Fa hoy Aho, aza aseho izao tontolo izao izany, mba hahazoana miaro anao.

36 Indro, tsy milaza Aho fa tsy hasehonao ny olo-marina izany;

37 Nefa, satria tsy afaka hamantatra mandrakariva ny "olo-marina ianao, na satria tsy afaka manavaka mandrakariva ny olon-dratsy amin' ny olo-marina ianao, noho izany antony izany, dia hoy Aho aminao hoe: Aoka ianao ^bhangina ambara-pahitako fa mety ny hampahafantaranao ny zava-drehetra momba ilay raharaha amin' izao tontolo izao.

38 Ary ankehitriny, lazaiko aminao marina tokoa, fa ny fitantarana ireo "zavatra izay efa nosoratanao ireo, izay efa votsoatra teny an-tananao, dia voasokitra eo amin' ireo ^btake-lak' i Nefia;

39 Eny, ary ianao mahatadidy fa efa nolazaina tamin' ireo soratra ireo fa misy fitantarana amin' ny antsipiriany kokoa ny

28a TSM Fitaka.

^b Roma. 2:3.

TSM Fahamarinana.

29a Mat. 4:7.

33a TSM Devoly.

34a TSM Fahendrena.

37a Mat. 23:28.

^b Eks. 14:14.

38a Ao amin' ny teny fanoloran' ny Bokin' i Môrmôna natonta voalohany dia manazava ny mpaminany Joseph Smith fa ny teny ao amin' ireo pejy 116

very dia nadika avy tamin' ny ampahany amin' ireo takelaka nantsoina hoe ny "Bokin' i Lehia."

^b TSM Takelaka.

amin' ireto zavatra ireto nome-
na ao amin' ny takelak' i Nefia.

40 Ary ankehitriny, satria ny
fitantarana izay voasokitra eo
amin' ny takelak' i Nefia dia
amin' ny antsihiriany kokoa
momba ireo zavatra izay, araka
ny fahendreko, dia tiako ham-
pahafantarina ny olona amin'
ity fitantarana ity—

41 Noho izany, dia handika ny
soratra voasokitra izay eo amin'
ny "takelak' i Nefia ianao,
mandra-pahatonga anao eo
amin' ny fanjakan' i Benjamîna
mpanjaka, na mandra-paha-
tonga anao eo amin' izay efa
nadikanao, ka notananao;

42 Ary indro, havoakanao ho
toy ny rakitsoratr' i Nefia izany;
ary dia toy izany no hampangai-
haizako ireo izay efa nano-
va ny teniko.

43 Tsy havelako ny hamongo-
rany ny asako; eny, hasehoko
azy ireo fa ny fahendreko dia
lehibe kokoa noho ny hafetsen'
ny devoly.

44 Indro, ampahany na famin-
tinana ny fitantaran' i Nefia
ihany no ananan' izy ireo.

45 Indro, misy zavatra maro
voasokitra eo amin' ny takelak'
i Nefia, izay mitondra fahalala-
na bebe kokoa momba ny fila-
zantsarako; koa fahendrena
Amiko ny tokony handikanao
ity ampahany voalohany amin'
ny soratra voasokitr' i Nefia ity
sy ny hamoahanao izany ao
amin' ity asa ity.

46 Ary indro, ny ambiny rehe-
tra amin' ity "asa ity dia miraki-
tra ireo ampahany rehetra amin'
ny ^bfilazantsarako ireo, izay
"nirian' ireo mpaminaniko ma-
sina, eny, ary koa ireo mpiana-
tro tamin' ny fivavany, mba ho
tonga amin' ity vahoaka ity.

47 Ary nolazaiko azy ireo, fa
"hotovina amin' izy ireo araka
ny ^bfinoany ao amin' ny fivava-
ny izany.

48 Eny, ary izao no finoany—
fa ny filazantsarako izay nome-
ko azy ireo, mba hotoriany
amin' ny androny, dia ho tonga
any amin' ny "Lamanita rahala-
hiny, ary koa amin' ireo izay
rehetra nivadika ho Lamanita
noho ny fisaraham-bazany.

49 Ankehitriny, dia tsy izay
ihany—ny finoany tamin' ny
fivavany dia ny hampahafan-
tarana koa ity filazantsara ity,
raha toa ka mety hitranga ny
hizakan' ny firenen-kafa ity
tany ity;

50 Ary dia toy izany no name-
lany tsodrano teo amin' ity
tany ity tamin' ny fivavany, ka
na zovy na zovy no hino ity fi-
lazantsara ity eo amin' ity tany
ity dia hahazo ny fiainana
mandrakizay;

51 Eny, mba ho maimaimpoa-
na izany ho an' ny rehetra, na
toa inona na toa inona izany
firenena, foko sy samy hafa fi-
teny ary mponina izany.

52 Ary ankehitriny indro, ara-
ka ny finoany tamin' ny fivava-

41a TiM 1:3–7.

46a TSM Bokin' i
Môrmôna.

^b TSM Filazantsara.

^d Enôsa 1:12–18;

Môrm. 8:24–26;
9:34–37.

47a 3 Ne. 5:13–15;

F&F 3:19–20.

^b TSM Finoana.

48a Môrô. 10:1–5;
F&F 109:65–66.

ny no hitondrako ity ampahany amin' ny filazantsarako ity ho amin' ny fahalalan' ny oloko. Indro, tsy entiko izany mba handrava izay efa noraisiny fa ny hanorina izany kosa.

53 Ary noho izany antony iza-ny no efa nilazako hoe: Raha tsy manamafy ny fony ity taranaka ity, dia haoriko eo anivony ny fiangonako.

54 Ankehitriny dia tsy milaza izany Aho mba handrava ny fiangonako, fa lazaiko kosa izany mba hampiorina ny fiangonako;

55 Koa na zovy na zovy no isan' ny fiangonako, dia tsy tokony ^ahatahotra izy, fa ny toa azy no ^bhandova ny ^dfanjakan' ny lanitra.

56 Fa ireo izay tsy ^amatahotra Ahy kosa, sady tsy mitandrina ny didiko fa manorina ^bfiangonana ho an' ny tenany mba ^dhahazoam-bola, eny, ary ireo rehetra izay mpanao ratsy sy manorina ny fanjakan' ny devoly — eny, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, fa ireo no hotabaiko sy hampangovitiko ary hampihorohoroako hatrany amin' ny aty fanahiny.

57 Indro, izaho no Jesoa Kristy, Ilay ^aZanak' Andriamanitra. Tonga tany amin' ny Ahy Aho, ary ny Ahy tsy nandray Ahy.

58 Izaho no ^afahazavana izay

mamirapiratra ao amin' ny haizina, ary ny haizina tsy maha-zo izany.

59 Izaho no ilay niteny tamin' ny mpianatro hoe—Manana ^aondry ^bhafa izay tsy ao amin' ity vala ity Aho—ary nisy maro ireo izay tsy ^dnahazo Ahy.

60 Ary hasehoko ity vahoaka ity fa nanana ondry hafa Aho, ary ireny dia sampana avy tamin' ny ^ampianakavin' i Jakoba;

61 Ary hoentiko eo amin' ny mazava ny asany mahatalanjona, izay nataony tamin' ny anarako;

62 Eny, ary hoentiko koa eo amin' ny mazava ny filazantsarako izay nampianarina azy ireny, ary indro, tsy holaviny izay efa noraisinareo fa haoriny kosa ary hoentiny eo amin' ny mazava ireo lafiny marina amin' ny ^afotopampianarako, eny ary ilay hany fotopampianarana izay ao Amiko.

63 Ary izany no ataoko dia ny hahazoako mametraka ny filazantsarako, mba tsy hisian' ny fifandirana be intsony; eny, i ^aSatana dia mamoky ny fon' ny vahoaka ho amin' ny ^bfifandirana momba ireo lafiny amin' ny fotopampianarako; ary amin' ireny zavatra ireny dia mandiso izy ireo, satria ^daolany ny soratra masina ary tsy azony izany.

64 Koa hovelabelariko aminy ity mistery lehibe ity;

55a TSM Tahotra.

b Mat. 5:10.

d TSM Fanjakan'

Andriamanitra na

Fanjakan' ny Lanitra.

56a Mpito. 12:13–14.

b TSM Devoly—Ny

fiangonan' ny devoly.

d 4 Ne. 1:26.

57a Roma. 1:4.

58a F&F 6:21.

59a TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

b Jao. 10:16.

d 3 Ne. 15:16–18.

60a TSM Tanimbolin' ny Tompo.

62a 3 Ne. 11:31–40.

63a TSM Devoly.

b TSM Fifandirana.

d 2 Pet. 3:16.

65 Fa indro, “hanangona azy ireo Aho toy ny reniakoho manangona ny zanany ao ambany elany, raha tsy hamafisiny ny fony;

66 Eny, raha te hanatona izy dia mahazo manao izany ka misotro maimaimpoana amin’ ny “ranon’ aina.

67 Indro, izao no fotopampianarako—na zovy na zovy no mibebaka ka “manatona Ahy, dia izy no ^bfiangonako.

68 Na zovy na zovy no “manambara mihoatra na latsaka

noho izao, dia tsy avy Amiko izy fa ^bmanohitra Ahy kosa; koa tsy isan’ ny fiangonako izy.

69 Ary ankehitriny indro, na zovy na zovy no isan’ ny fiangonako ary maharitra amin’ ny fiangonako hatramin’ ny farany, dia izy no haoriko eo amin’ ny “vatolampiko, ary ny ^bvavahadin’ ny helo tsy haharesy azy.

70 Ary ankehitriny, tadidio ny tenin’ Ilay fiainana sy “fahazavan’ izao tontolo izao, ny Mpanavotra anao, ny ^bTomponao ary ny Andriamanitrao. Amena.

FIZARANA 11

Fanambarana nomena, tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith mpaminany ho an’ i Hyrum Smith rahalahiny tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Mey 1829 (History of the Church, 1:39–46). Noraisina tamin’ ny alalan’ ny Orima sy Tomima ity fanambarana ity ho valin’ ny fitalahoa-na sy ny fanontanian’ i Joseph. Araka ny History of the Church dia noraisina taorian’ ny famerenana indray ny Fisoronana Aharôna ity fanambarana ity.

1–6, Hahazo ny famonjena ireo mpiasa ao amin’ ny tanimboaloboka; 7–14, Mikatsaha fahendrena, mitoria fibebahana, matokia ny Fanahy; 15–22, Tandremo ireo didy ary diniho ny tenin’ ny Tompo; 23–27, Aza mandà ny fanahin’ ny fanambarana sy ny an’ ny faminanianana; 28–30, ireo izay mandray an’ i Kristy dia tonga zanak’ Andriamanitra.

ASA lehibe sy “mahatalanjona ano efa akaiky hitranga eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

2 Indro, Izaho no Andriamanitra; “mampandria sofina amin’ ny ^bteniko izay mailaka sy “mahery, “maranitra kokoa noho ny sabatra roa lela ka manasarakana ny famavany sy ny tsoka; koa mampandria sofina amin’ ny teniko.

65a Lio. 13:34;
3 Ne. 10:4–6;
F&F 43:24.
66a TSM Rano Velona.
67a Mat. 11:28–30.
b TSM Fiangonan’ i Jesoa Kristy.
68a 3 Ne. 11:40.
b Lio. 11:23.

69a TSM Vatolampy.
b Mat. 16:18;
2 Ne. 4:31–32;
F&F 17:8; 128:10.
70a TSM Fahazavana,
Fahazavan’ i Kristy.
b TSM Jesoa Kristy.
11 1a Isa. 29:14; F&F 4.
TSM Famerenana

amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.
2a 1 Ne. 15:23–25;
F&F 1:14; 84:43–45.
b Heb. 4:12.
d Almà 4:19; 31:5.
e Hel. 3:29–30; F&F 6:2.

3 Indro, efa “masaka sahadry ny eny an-tsaha mba hojinjaina; koa na zovy na zovy no maniry hijinja, dia aoka izy handroso ny antsimbilony amin’ ny heriny ary hijinja raha mbola maharitra ny andro, mba hahazoany ^bmirakitra ^dfamonjena maharitra mandrakizay ho an’ ny fanahiny ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra.

4 Eny, na zovy na zovy no handroso ny “antsimbilony sy hijinja, dia izy no antsoin’ Andriamanitra.

5 Koa raha “mangataka Amiko ianareo dia hahazo; raha mandondona ianareo dia hovohana.

6 Ankehitriny, satria efa nangataka ianareo, dia indro, lazaiko aminareo, tandremo ny didiko ary katsaho ny hampijoro sy hampiorina ny foto-kevitr’ i “Ziona.

7 Aza mikatsaka “harena fa ^bfahendrena kosa, dia indro, hovelarina aminareo ny misterin’ Andriamanitra ary amin’ izany dia hatao manan-karena ianareo. Indro, izay manana ny fiainana mandrakizay ho manan-karena.

8 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, hatao aminareo araka izay irinareo Amiko;

ary raha irinareo, dia ianareo no ho fitaovana amin’ ny fanaovan-tsoa be amin’ ity taranaka ity.

9 “Aza milaza na inona na inona afa-tsy ^bfibebahana amin’ ity taranaka ity. Tandremo ny didiko, ary ampio mba hiroborobo ny asako, ^daraka ny didiko, dia hotahina ianareo.

10 Indro, manana “fanomezam-pahasoavana ianao, na koa hahazo fanomezam-pahasoavana ianao raha maniry izany Amiko amin’ ny finoana, omban’ ny ^bfahitsian’ ny fo sy finoana ny herin’ i Jesoa Kristy, dia ny heriko izay miteny aminao;

11 Fa indro, Izaho no miteny; indro Izaho no “hazavana izay mampirapiratra ao amin’ ny haizina, ary amin’ ny ^bheriko no anomezako anao ireto teny ireto.

12 Ary ankehitriny, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, apetraho amin’ ilay “Fana-hy izay mitarika hanao ny tsara ny ^bfitokiana—eny, hanao araka ny hitsiny, ^dhandeha “amimpanetren-tena, ^fhitsara araka ny rariny; ary izany no Fanahiko.

13 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, hanomezako amin’ ny Fanahiko ianao, izay

3a F&F 12:3.

^b Lio. 18:22;
Hel. 5:8.

^d 1 Tim. 6:19.

4a Fan. 14:15;

F&F 14:3-4.

5a TSM Vavaka.

6a Isa. 52:7-8;

F&F 66:11.

TSM Ziona.

7a 1 Mpan. 3:11-13;

2 Ne. 26:31;

Jakôba 2:17-19;

F&F 38:39.

^b TSM Fahendrena.

9a F&F 19:21-22.

^b TSM Fibebahana.

^d F&F 105:5.

10a F&F 46:8-12.

^b Lio. 8:15.

11a TSM Fahazavana,
Fahazavan’ i Kristy.

^b TSM Hery.

12a Roma. 8:1-9;

1 Jn. 4:1-6.

^b F&F 84:116.

TSM Matoky.

^d TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka
amin’ Andriamanitra.

^e TSM Fanetren-tena.

^f Mat. 7:1-5;

Almà 41:14-15.

“hanazava ny ^bsainao, izay hameno ^dfifaliana ny fanahinao;

14 Ary amin’ izay no hahafantaranao, na amin’ ny alalan’ izany no hahafantaranao ny zavatra rehetra irianao Amiko, izay mikasika ny zavatra ny “fahamarinana, amin’ ny finoana rehefa mino Ahy fa handray izany.

15 Indro, mandidy anao Aho ny tsy tokony hiheveranao fa antsoina ianao hitory, raha tsy efa “antsoina ianao.

16 Mahandrasa kely ambarapanananao ny teniko, ny “vatolampiko, ny fiangonako ary ny filazantsarako, mba hahafantaranao marina tokoa ny fotopampianarako.

17 Ary amin’ izay, indro, araka ny fanirianao, eny, dia hotovina aminao izany araka ny finoanao.

18 Tandremo ny didiko; aoka hangina; miantsoa ny Fanahiko;

19 Eny, “mifikira Amiko amin’ ny fonao rehetra mba hahazoanao manampy amin’ ny fitondrana ho amin’ ny hazavana ireo zavatra izay efa voateny ireo — eny, ny fandikana ny asako; mahareta ambara-pahatontosanao izany.

20 Indro izao no asanao, ny “mitandrina ny didiko, eny,

amin’ ny herinao rehetra, ny sainao rehetra ary ny tanjakao rehetra.

21 Aza mikatsaka ny hitory ny teniko, fa katsaho aloha ny “hahazo ny teniko, ary amin’ izay dia hovahana ny lelanao; amin’ izay raha irinao, dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny herin’ Andriamanitra ho fandresen-dahatra ny olona.

22 Nefa ankehitriny dia aoka hangina; diniho ny “teniko izay efa lasa any anivon’ ny zanak’ olombelona, ary koa ^bdiniho ny “teniko izay ho tonga any anivon’ ny zanak’ olombelona, na izay adika ankehitriny, eny, ambara-pahazoanao izay rehetra “homeko ny zanak’ olombelona ao amin’ ity taranaka ity, ary amin’ izay dia hanampy ho an’ izany ny zavatra rehetra.

23 Indro ianao no “Hyrum, zanako lahy; ^bkatsaho ny fanjakan’ Andriamanitra, dia hanampy ho anao, araka izay rariny, ny zava-drehetra.

24 “Manorena eo ambonin’ ny vatolampiko, dia ny ^bfilazantsarako;

25 Aza mandà ny fanahin’ ny “fanambarana, na ny fanahin’ ny ^bfaminaniana, fa lozan’ izay mandà ireo zavatra ireo;

13a F&F 76:12.

b TSM Saina.

d TSM Fifaliana.

14a TSM Fahamarinana.

15a Fp. 1:5.

TSM Fahefana;

Antso, Antsoin’

Andriamanitra.

16a F&F 6:34.

TSM Vatolampy.

19a Jakôba 6:5;

F&F 98:11.

20a TSM Mankatò.

21a Almà 17:2–3;

F&F 84:85.

22a IE ny Baiboly.

b TSM Soratra Masina—

Ny hasarobidin’ ny

Soratra Masina.

d IE ny Bokin i

Môrmôna.

e Almà 29:8.

23a JS—T 1:4.

b Mat. 6:33.

24a Mat. 7:24–27.

b TSM Filazantsara.

25a TSM Fanambarana.

b Fan. 19:10.

TSM Faminaniana.

26 Koa “miraketa ao am-ponao ambara-pahatongan’ ny fotoa-na izay hivoahanareo araka ny fahendreko.

27 Indro, miteny amin’ ireo rehetra izay manana faniriana tsara Aho, ary efa “nandroso ny antsimbilony mba hijinja.

28 Indro, Izaho no “Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamani-

tra. Izaho no fiainana sy ^bfahazavan’ izao tontolo izao.

29 Izaho ihany no Ilay tonga tany amin’ ny Ahy ary ny Ahy tsy nandray Ahy.

30 Nefa lazaiko aminao marina dia marina tokoa, izay rehetra mandray Ahy, ireo no homeko “hery ho tonga ^bzanak’ Andriamanitra, dia ireo izay mino ny anarako. Amena.

FIZARANA 12

Fanambarana nomena an’ i Joseph Knight rainy, tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Mey 1829 (History of the Church, 1:47–48). Ninoan’ i Joseph Knight ny filazan’ i Joseph Smith momba ny fananany ny takelaky ny Bokin’ i Môrmôna sy ny asa fandikana izay teo an-dalam-pitohizana tamin’ izay, ary imbetsaka izy no efa nanome an’ i Joseph Smith sy ny mpitantisorany fanampiana mivantana izay nahafan’ izy ireo nanohy ny fandikan-teny. Noho ny fangatahan’ i Joseph Knight dia nanadina ny Tompo ny Mpaminany ary nandray ny fanambarana.

1–6, Handray famonjena ireo mpia-sa ao amin’ ny tanimboaloboka; 7–9, Izay rehetra maniry sy afa-manao dia afaka manampy amin’ ny asan’ ny Tompo.

^a **A**SA lehibe sy mahatalanjona An’ efa akaiky hitranga eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

2 Indro, Izaho no Andriamanitra; mampandria sofina amin’ ny teniko izay mailaka sy mahery, maranitra kokoa noho ny sabatra roa lela ka manasaraka ny famavany sy ny tsoka; koa

mampandria sofina amin’ ny teniko.

3 Indro, efa masaka sahady ny eny an-tsaha mba hojinjaina; koa na zovy na zovy no maniry hijinja, dia aoka izy handroso ny antsimbilony amin’ ny heriny ary hijinja raha mbola maharitra ny andro, mba hahazoa-ny mirakitra famonjena maharitra mandrakizay ho an’ ny fanahiny ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra.

4 Eny, na zovy na zovy no handroso ny antsimbilony sy

26a Deot. 11:18;
F&F 6:20; 43:34;
JS—M 1:37.
27a TSM Asa Fitoriana.
28a TSM Jesoa Kristy.

b TSM Fahazavana,
Fahazavan’ i Kristy.
30a Jao. 1:12.
b TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin’

Andriamanitra.
12 1a Jereo F&F 11:1–6
ho an’ ny andininy
mitovy.

hijinja, dia izy no antsoin' Andriamanitra.

5 Koa raha mangataka Amiko ianareo, dia hahazo; raha mandondona ianareo dia hovohana.

6 Ankehitriny, satria efa nangataka ianareo dia indro lazaiko aminareo, tandremo ny didiko ary katsaho ny hampijoro sy hampiorina ny foto-kevitry i Ziona.

7 Indro, miteny aminao Aho, ary koa amin' ireo rehetra izay manam-paniriana ny hanomboka sy hampiorina ity asa ity;

8 Ary tsy misy afaka manampy amin' ity asa ity, raha tsy "manetry tena izy ary feno ^bfitiavana, manana ^dfinoana, ^efanantenana ary ^ffiantrana, mahonon-tena amin' ny zava-drehetra na inona na inona hankinina hotandremany.

9 Indro, Izaho no fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao, izay miteny ireto teny ireto, koa mampandria sofina araka izay tratranao, dia antsoina ianao amin' izay. Amena.

FIZARANA 13

Ny fanosorana an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ho amin' ny Fisoronana Aharôna teo amoron' ny Renirano Susquehanna, akaikin' i Harmony, Pennsylvania, ny 15 Mey 1829 (History of the Church, 1:39–42). Ny fanosorana dia natao tamin' ny fametrahana-tanan' ny anjely iray izay nilaza ny tenany ho i Jaona, dia ilay atao hoe Jaona Mpanao Batisa ihany ao amin' ny Testamenta Vaovao. Nanazava ilay anjely, fa izy dia miasa eo ambany fitarihan' i Petera, i Jakoba ary i Jaona, ireo Apostoly fahiny izay nihazona ny fanalahidin' ny fisoronana ambony kokoa, izay nantsoina hoe ny Fisoronan' i Melkizedeka. Nomena an' i Joseph sy i Oliver ny fampanantenana fa amin' ny fotoana mahamety izany dia hotolorana ny Fisoronan' i Melkizedeka izy ireo. (Jereo fizarana 27:7, 8, 12.)

Fanazavana ny fanalahidy sy ny fahefana amin' ny Fisoronana Aharôna.

IANAREO ry mpiara-manompo amiko, amin' ny anaran' ny Mesia no "tolorako ny ^bFisoronan' i Aharôna, izay mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan'

ny "anjely sy ny an' ny filazan-tsaran' ny "fibebahana ary ny an' ny ^bbatisa asitrika ho famelana ny fahotana; ary na oviana na oviana dia tsy hoesorina eto an-tany intsony izany, ambarapanatitry ny zanakalahin' i ^sLevy fanatitra amim-^bpahamarinana ho an' ny Tompo indray.

8a TSM Fanetren-tena.

b TSM Fitiavana.

d TSM Finoana.

e TSM Fanantenana.

f TSM Fiantrana.

13 1a JS—T 1:68–75.

TSM Manokana.

b F&F 27:8; 84:18–34.

TSM Fisoronana Aharôna.

d TSM Anjely.

e TSM Fibebahana.

f TSM Batisa.

g Jereo ny tantaran' i

Oliver Cowdery

momba ny

famerenana ny

Fisoronana Aharôna

any amin' ny

fiafaran' ny Joseph

Smith—Tantara.

Deot. 10:8; 1 Tan. 6:48;

F&F 128:24.

h TSM Fahamarinana.

FIZARANA 14

Fanambarana nomena an' i David Whitmer, tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny volana Jona 1829 (History of the Church, 1:48-50). Nanjary liana tamin' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna ny fianakaviana Whitmer. Niorim-ponenana tao an-tokan-tranon' i Peter Whitmer rainy ny Mpaminany, izay nitoerany ambara-pahatontosana ny asa fandikana hatramin' ny farany ary ambara-pahazo ny zo ahafahana mandika ilay boky efa akaiky hivoaka. Ny telo tamin' ireo zanakalahin' i Whitmer rehefa nahazo ny tenivavolombelona ny amin' ny fahamarinan' ny asa dia nanjary sahiran-tsaina fatratra ny amin' ny andraikitry ny tenan' ny tsirairay avy taminy. Ity fanambarana ity sy ireo roa manaraka azy (fizarana 15 sy 16) dia nomena ho valin' ny fanontaniana tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima. Nanjary anankiray tamin' ireo Vavolombelona Telon' ny Bokin' i Môrmôna i David Whitmer tatỳ aoriana.

1-6, Hahazo famonjena ireo mpia-sa ao amin' ny tanimboaloboka; 7-8, Ny fiainana mandrakizay no lehibe indrindra amin' ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra; 9-11, Nahary ny lanitra sy ny tany i Kristy.

ASA lehibe sy "mahatalanjona no efa akaiky hitranga eo amin' ny zanak' olombelona.

2 Indro, Izaho no Andriamanitra; mampandria sofina amin' ny teniko izay mailaka sy mahery, maranitra kokoa noho ny sabatra roa lela ka manasarakana ny famavany sy ny tsoka; koa mampandria sofina amin' ny teniko.

3 Indro, efa masaka sahady ny eny an-tsaha mba hojinjaina; koa na zovy na zovy no maniry hijinja, dia aoka izy handroso ny antsimbilony amin' ny heriny ary hijinja raha mbola

maharitra ny andro, mba hahazoany mirakitra famonjena maharitra mandrakizay ho an' ny fanahiny ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

4 Eny, na zovy na zovy no handroso ny antsimbilony sy hijinja dia izy no antsoin' Andriamanitra.

5 Koa raha mangataka Amiko ianareo dia hahazo; raha mandondona ianareo dia hovohana.

6 Katsaho ny hampiroborobo sy ny hampiorina an' i Zionako. Tandremo ny didiko amin' ny zavatra rehetra.

7 Ary raha "mitandrina ny didiko ianao ary maharitra hatramin' ny farany, dia ho azonao ny "fiainana mandrakizay, izay fanomezana lehibe indrindra amin' ny fanomezan' Andriamanitra rehetra.

8 Ary ny zavatra hitranga, raha mangataka ny Ray amin'

14 1a Jereo F&F 11:1-6
ho an' ny andininy
mitovy.
7a Lev. 26:3-12;

Jao. 15:10;
Môsià 2:22, 41;
F&F 58:2.
b TSM Maharitra.

d 2 Ne. 31:20; F&F 6:13.
TSM Fiainana
Mandrakizay.

ny anarako ianao, amin' ny finoana rehefa mino ianao, dia horaisinao ny "Fanahy Masina izay mampiloa-bava mba hahazoanao mijoro ho ^bvavolombelon' ny zavatra izay sady ho ^drenao no ho hitanao, ary koa mba hahazoanao mitory fibe-bahana amin' ity taranaka ity.

9 Indro, Izaho no ^aJesoa Kristy, ^bZanak' Ilay ^dAndriamanitra velona, izay ^enahary ny lanitra sy ny ^ftany, dia ^ghazavana izay

tsy azo afenina ao amin' ny ^hhaizina;

10 Koa tsy maintsy entiko avy amin' ny "Jentilisa mankamin' ny mpianakavin' i Isiraely ny ^bfahafenoan' ny filazantsarako.

11 Ary indro, ianao no David, ary antsoina ianao hanampy, ka raha manao izany ianao ary mahatoky ianao, dia hotahina na ara-panahy na aranofo, ary ho lehibe ny valisoanao. Amena.

FIZARANA 15

Fanambarana nomena an' i John Whitmer, tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny volana Jona 1829 (History of the Church, 1:50). (Jereo ny sasin-tenin' ny fizarana 14). Manaitra ny fiantefan' ilay hafatra manokana, satria ny Tompo dia nilaza izay tsy nisy nahalala afa-tsy i John Whitmer sy ny Tenany ihany. Nanjary anankiray tamin' ireo Vavolombelona Valon' ny Bokin' i Môrmôna i John Whitmer tatỳ aoriana.

1–2, Manerana izao tontolo izao ny sandrin' ny Tompo; 3–6, Ny fitoriana ny filazantsara sy ny famonjena fanahy no zavatra manan-danja indrindra.

MIHAINOA ry John mpainompoko, ary henoy ny tenin' i Jesoa Kristy Tomponao sy Mpanavotra anao.

2 Fa indro miteny aminao mivantana sy ^aamin-kery Aho,

fa manerana izao tontolo izao ny sandriko.

3 Ary holazaiko anao izay tsy misy olona mahalala afa-tsy Izaho sy ianao irery —

4 Efa imbetsaka ianao no nani-ry hahalala Tamiko ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao.

5 Indro, sambatra ianao noho izany zavatra izany sy noho ny filazana ny teniko izay efa nomeko anao araka ny didiko.

8a TSM Fanahy Masina.
b Môsià 18:8–10.

TSM Vavolombelona.
d Jereo ny
Ténivavolombelon'
ireo Vavolombelona
Telo ao amin' ireo
pejy voalohan' ny
Bokin' i Môrmôna.

9a Môsià 4:2;
F&F 76:20–24.

b Roma. 1:4.

d Dan. 6:26; Almà 7:6;
F&F 20:19.

e Jao. 1:1–3, 14;
3 Ne. 9:15; F&F 45:1.

TSM Fahariana.
f Abr. 4:12, 24–25.

g 2 Sam. 22:29.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

h TSM Haizim-panahy.

10a TSM Jentilisa.

b F&F 20:8–9;
JS—T 1:34.

15 2a Hel. 3:29–30.
TSM Hery.

6 Ary ankehitriny indro, lazai-ko aminao fa ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao dia ny “fitoriana fibebahana amin’ ity vahoaka ity,

mba hahazoanao mitondra fanahy ho Ahy, mba hahazoanao miara-^bmiala sasatra aminy ao amin’ ny “fanjakan’ ny ‘Raiko. Amena.

FIZARANA 16

Fanambarana nomena an’ i Peter Whitmer zanany tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny volana Jona 1829 (History of the Church, 1:51). (Jereo ny sasin-tenin’ ny fizarana 14). Nanjary anankiray tamin’ ireo Vavolombelona Valon’ ny Bokin’ i Môrmôna i Peter Whitmer zanany tatỳ aoriana.

1–2, Manerana izao tontolo izao ny sandrin’ ny Tompo; 3–6, Ny fitoriana ny filazantsara sy ny famonjena fanahy no zavatra manan-danja indrindra.

“**M**IHAINOA ry Peter mpanompoko, ary henoy ny tenin’ i Jesoa Kristy Tomponao sy Mpanavotra anao.

2 Fa indro miteny aminao miavantana sy amin-kery Aho, fa manerana izao tontolo izao ny sandriko.

3 Ary holazaiko anao izay tsy misy olona mahalala afa-tsy Izaho sy ianao irery —

4 Efa imbetsaka ianao no nani-ry hahalala Tamiko ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao.

5 Indro, sambatra ianao noho izany zavatra izany sy noho ny filazana ny teniko izay efa nomeko ho anao araka ny didiko.

6 Ary ankehitriny indro, lazai-ko aminao fa ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao dia ny fitoriana fibebahana amin’ ity vahoaka ity, mba hahazoanao mitondra fanahy ho Ahy, mba hahazoanao miaramiala sasatra aminy ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko. Amena.

FIZARANA 17

Fanambarana nomena an’ i Oliver Cowdery, i David Whitmer ary i Martin Harris tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny volana Jona 1829, talohan’ ny nahitan’ izy ireo ny takelaka misy soratra voasikotra izay nitahiry ny rakitsoratra ny Bokin’ i Môrmôna (History of the Church, 1:52–57). Nianaran’ i Joseph sy i Oliver Cowdery mpitantsorany avy tamin’ ny fandikana ny takelaky ny Bokin’ i Môrmôna fa hisy vavolombelona manokana telo hotendrena (Jereo

6a F&F 18:15–16.
TSM Asa Fitoriana.
b TSM Fitsaharana.
d TSM Fanjakan’

Andriamanitra na
Fanjakan’ ny Lanitra.
e TSM Ray any
An-danitra.

16 1a Jereo F&F 15:1–6
ho an’ ny andininy
mitovy.

Etera 5:2-4; 2 Nefia 11:3; 27:12). Nentanin' ny faniriana avy tamin' Andriamanitra i Oliver Cowdery, i David Whitmer ary i Martin Harris mba ho izy ireo no ho ireo vavolombelona manokana telo. Nanontany ny Tompo ny Mpaminany ka nomena ity fanambarana ity ho valin' izany tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima.

1-4, Amin' ny finoana no hahitan' ny Vavolombelona Telo ireo take-laka sy ireo zavatra masina hafa; 5-9, Vavolombelona manambara ny maha avy amin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna i Kristy.

INDRO lazaiko aminareo fa tsy maintsy miantehitra amin' ny teniko ianareo, ary raha atao-nareo amin' ny fo feno finiavana izany, dia ho "hitanareo ireo ^btakelaka, ary koa ny saron-tratra, ny ^ssabatr' i Labana, ny ^eOrima sy Tomima izay nomena ny ^frahalahin' i Jarêda tao an-tendrombohitra, fony izy niresaka ^gnifanatri-tava tamin' ny Tompo ary ireo ^hmpanondro lalana mahagaga izay nomena an' i Lehia, fony izy tany an-tany foana tany amoron' ny ⁱRanomiasina Mena.

2 Ary amin' ny finoanareo no hahazoanareo mahita ireo, dia ilay finoana izay efa nananan' ireo mpaminany fahiny.

3 Ary rehefa nahazo ny finoana ianareo ary efa nahita azy ireo tamin' ny masonareo dia "hijoro ho vavolombelon' ireo

ianareo amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra;

4 Ary izany no hataonareo dia ny mba tsy hahazoana mamongotra an' i Joseph Smith zanany mpanompoko, mba hahazoako manantontosa ny fikasako marina amin' ny zanak' olombelona amin' ity asa ity.

5 Ary hijoro ho vavolombelona ianareo fa efa nahita azy ireo, dia tahaka ny efa nahitan' i Joseph Smith zanany mpanompoko azy ireo; fa tamin' ny heriko no efa nahitany azy ireo ary izany dia noho ny nananany finoana.

6 Ary efa nandika ny "boky izy, dia ilay ^bampahany izay efa nandidiako azy, ary raha velona koa ny Tomponareo sy ny Andriamanitrareo dia marina izany.

7 Koa efa nahazo ny hery iray ihany sy ny finoana iray ihany ary ny fanomezam-pahasovana iray ihany amin' ny azy ianareo;

8 Ary raha tanterahinareo ireto didiko farany ireto izay nomeko

17 1a 2 Ne. 27:12;
Etera 5:2-4;
F&F 5:15. Jereo ny
Tenivavolombelon'
ireo Vavolombelona
ao amin' ireo pejy
voalohan' ny Bokin'
i Môrmôna.
b Môrm. 6:6; JS—T 1:52.
TSM Takelaka.

d 1 Ne. 4:8-9;
2 Ne. 5:14; Jakôba
1:10; Môsià 1:16.
e TSM Orima sy
Tomima.
f Etera 3:1-28.
g Gen. 32:30;
Eks. 33:11; Mos. 1:2.
h 1 Ne. 16:10, 16, 26-29;
Almà 37:38-47.

i 1 Ne. 2:5.
3a TSM Mijoro ho
Vavolombelona;
Vavolombelona.
6a TSM Bokin' i
Môrmôna.
b 2 Ne. 27:22;
3 Ne. 26:7-10.

anareo, dia tsy haharesy anareo ny “vavahadin’ ny helo; fa ampy ho anareo ny ^bfahasoavako ary “hasandratra ianareo amin’ ny andro farany.

9 Ary Izaho Jesoa Kristy

“Tomponareo sy Andriamani-trareo no efa niteny izany taminareo, mba hahazoako manantontosa ny fikasako marina amin’ ny zanak’ olombelona. Amena.

FIZARANA 18

Fanambarana ho an’ i Joseph Smith Mpaminany, i Oliver Cowdery ary i David Whitmer, nomena tao Fayette, New York, ny volana Jona 1829 (History of the Church, 1:60–64). Tamin’ ny nanolorana ny Fisoronana Aharôna no nampanantenaina ny fanolorana ny Fisoronana Melkizedeka (jereo ny sasin-tenin’ ny fizarana 13). Ho valin’ ny fitalahoana mba hahazoana fahalalana momba izany dia nomen’ ny Tompo ity fanambarana ity.

1–5, Asehon’ ny soratra masina ny fomba anorenana ny Fiangonana; 6–8, Mihamasaka ao amin’ ny faharatsiana izao tontolo izao; 9–16, Lehibe ny hasarobidin’ ny olona; 17–25, Tsy maintsy mitondra ny anaran’ i Kristy ny olona mba hahazo famonjena; 26–36, Fanambarana ny antso sy ny asa fitorian’ ny Roambinifololahy; 37–39, Tsy maintsy mitady ireo Roambinifololahy i Oliver Cowdery sy i David Whitmer; 40–47, Tsy maintsy mibebaka, atao batisa ary mitandrana ireo didy ny olona, mba hahazoany famonjena.

ANKEHITRINY indro, noho ny zavatra izay efa nirianao ho fantatra avy Amiko ry Oliver Cowdery mpanompoko, dia omeko anao ireto teny ireto:

2 Indro, efa nasehoko anao, tamin’ ny alalan’ ny Fanahiko,

tamin’ ny fotoana maro, fa “marina ny zavatra izay efa no-soratanao; koa fantatrao noho izany fa marina ireny.

3 Ary raha fantatrao fa marina ireny, dia indro, omeko anao ny didy mba hianteheranao amin’ ny zavatra izay “voasoratra;

4 Fa ao amin’ ireny no misy ny zava-drehetra voasoratra momba ny fanorenana ny fiangonako, ny “filazantsarako ary ny ^bvatolampiko.

5 Koa raha manangana ny fiangonako eo amin’ ny fanorenan’ ny filazantsarako sy ny vatolampiko ianao, dia tsy haharesy anao ny vavahadin’ ny helo.

6 Indro, mihamasaka ao amin’ ny faharatsiana “izao tontolo izao; ka tsy maintsy ilaina ny hanairana ny olona ho amin’

8a Mat. 16:18;
3 Ne. 11:39;
F&F 10:69.
b TSM Fahasoavana.
d 1 Ne. 13:37;
3 Ne. 27:14–15, 22;

F&F 9:14.
9a TSM Tompo.
18 2a F&F 6:15–17.
3a F&F 98:11.
TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin’ ny

Soratra Masina.
4a TSM Filazantsara.
b TSM Vatolampy.
6a TSM Izao Tontolo
Izao.

ny fibebahana, na ^bJentilisa izy na mpianakavin' i Isiraely.

7 Koa satria efa natao "batisa ianao tamin' ny tanan' i Joseph Smith zanany mpanompoko, araka izay efa nandidiako azy, dia efa nahatontosa ny zavatra izay nandidiako azy izy.

8 Ary ankehitriny aza gaga amin' ny efa niantsoako azy ho amin' ny zava-kinendriko, dia zava-kinendry efa fantatro; koa raha "mazoto amin' ny ^bfitandremana ny didiko izy dia "hotahina ka hahazo ny fiainana mandrakizay; ary i "Joseph no anarany.

9 Ary ankehitriny ry Oliver Cowdery, miteny aminao Aho, ary koa amin' i David Whitmer ho fandidiana; fa, indro, mandidy ny olon-drehetra Aho, na aiza na aiza izany, hibebaka, ary miteny aminao Aho toy ny nitenenako tamin' i Paoly "apostolika, satria ianareo dia antsoina amin' ilay antso izay niantsoana azy ihany.

10 Tadidio fa lehibe ny "hasarobidin' ny ^bolona eo imason' Andriamanitra;

11 Fa indro, ny Tompo "Mpa-

navotra anao dia niaritra ^bfahafatesana tamin' ny nofo; koa "niaretany ny "fangirifirian' ny olon-drehetra, mba hahazoan' ny olon-drehetra mibebaka sy manatona Azy.

12 Ary efa "nitsangana indray tamin' ny maty Izy, mba hahazoany mitondra ny olon-drehetra ho eo Aminy, raha tahiny ka ^bmibebaka izy ireo.

13 Ary akory ny halehiben' ny "fifaliany amin' ny olona izay mibebaka!

14 Koa antsoina ianareo "hitory fibebahana amin' ity vahoaka ity.

15 Ary raha toa aza ka miasa amin' ny andronareo rehetra ianareo hitory fibebahana amin' ity vahoaka ity ary mitondra "olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben' ny fifalianareo miaraka aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko!

16 Ary ankehitriny, raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin' ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin' ny "fanjakan' ny Raiko, akory ny ho halehiben' ny ^bfifalianareo raha "mitondra fanahy maro ho Ahy!

17 Indro, manana ny filazan-

6b TSM Jentilisa.

7a JS—T 1:70-71.

8a TSM Fahazotoana.

b TSM Mankatò.

d TSM Fitahiana.

e 2 Ne. 3:14-15.

TSM Smith, Joseph, zanany

9a Roma. 1:1.

10a TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy)—

Hasarobidin' ny

olona.

b TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy).

11a TSM Mpanavotra.

b TSM Fanomboana.

d TSM Fanavotana.

e Isa. 53:4-5.

TSM Sorompanavotana.

12a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

b F&F 19:4-18.

TSM Fibebahana.

13a Lio. 15:7.

14a Almà 29:1-2;

F&F 34:5-6; 63:57.

15a TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy)—

Hasarobidin' ny

olona.

16a TSM Fanjakan'

Andriamanitra na

Fanjakan' ny Lanitra.

b Almà 26:11.

TSM Fifaliana.

d TSM Asa Fitoriana.

tsarako sy ny vatolampiko ary ny “famondjeko eo anoloanareo ianareo.

18 “Angataho amin’ ny ^banarako ny Ray, amin’ ny finoana rehefa mino fa handray ianareo, dia hanana ny Fanahy Masina ianareo, izay maneho ny zavatra rehetra ^dilain’ ny zanak’ olombelona.

19 Ary raha tsy manana ^afinoa-na, ^bfanantenana ary ^dfiantrana ianareo dia tsy afaka manao na inona na inona.

20 “Aza mifanditra amin’ ireo fiangonana, afa-tsy amin’ ny ^bfiangonan’ ny devoly ihany.

21 Ento eo aminareo ny ^aanaran’ i Kristy, ary ^blazao amin’ ny ^dfahononan-tena ny marina.

22 Ary izay rehetra mibebaka sy ^aatao batisa amin’ ny anarako, dia i Jesoa Kristy, ary ^bmaharitra hatramin’ ny farany dia izy no hovanjena.

23 Indro, Jesoa Kristy no ^aanarana izay omen’ ny Ray, ary tsy misy anarana hafa nomena izay ahafahana mamonjy ny olona;

24 Koa ny olona rehetra dia tsy maintsy mitondra ilay anarana izay omen’ ny Ray, satria amin’ izany anarana izany no hiantsoana azy ireo amin’ ny andro farany;

25 Koa raha tsy fantany ny ^aanarana izay iantsoana azy, dia tsy afaka ny hanana toerana ao amin’ ny ^bfanjakan’ ny Raiko izy.

26 Ary ankehitriny indro, misy hafa izay antsoina mba hanambara ny filazantsarako, na amin’ ny ^dJentilisa na amin’ ny Jiosy;

27 Eny, dia roa ambin’ ny fololahy; ary ho mpianatro ny ^aRoambinifololahy ary hitondra ny anarako izy ireo; ary ny Roambinifololahy dia ireo izay haniry ny hitondra ny ^banarako amin’ ny fo feno finiavana.

28 Ary raha maniry ny hitondra ny anarako amin’ ny fo feno finiavana izy ireo dia antsoina handeha eran’ ^aizao tontolo izao hitory ny ^bfilazantsarako amin’ ny ^dolona rehetra.

29 Ary izy ireo no ireo izay voatokako mba hanao ^abatisa amin’ ny anarako araka izay voasoratra;

30 Ary efa anananareo eo anoloanareo izay voasoratra; koa tsy maintsy manatanteraka izany araka ny teny izay voasoratra ianareo.

31 Ary ankehitriny miteny aminareo Aho ry ^aRoambinifololahy—Indro, ampy ho anareo ny fahasoavako; tsy main-

17a TSM Famondjena.

18a TSM Vavaka.

^b Jao. 15:16.

^d F&F 88:63–65.

19a TSM Finoana.

^b TSM Fanantenana.

^d TSM Fiantrana.

20a 2 Tim. 2:23–24;

3 Ne. 11:29–30.

^b TSM Devoly—Ny fiangonan’ ny devoly.

21a 2 Ne. 31:13; Môsià 5:8;

3 Ne. 27:5;

F&F 20:37.

^b F&F 100:5–8.

^d Roma. 12:3.

22a TSM Batisa.

^b TSM Maharitra.

23a Mal. 1:11; Asa 4:12;

Môsià 3:17;

Hel. 3:28–29.

25a Môsià 5:9–14.

^b TSM Voninahitra Selestialy.

26a F&F 90:8–9; 112:4.

27a TSM Apostoly.

^b F&F 27:12.

28a Mar. 16:15–16.

^b TSM Filazantsara.

^d F&F 1:2; 42:58.

29a 3 Ne. 11:21–28;

F&F 20:72–74.

31a F&F 107:23–35.

tsy mandeha araka ny hitsiny eo anoloako ianareo ary tsy manota.

32 Ary indro, ianareo no ireo izay voatokako mba “hanokana mpisorona sy mpampianatra; mba hanambara ny filazantsarako ‘araka ny herin’ ny Fanahy Masina izay ao aminareo, ary araka ny ‘antso sy ny fanomezam-pahasoavan’ Andriamanitra ho an’ ny olona;

33 Ary Izaho Jesoa Kristy Tomponareo sy Andriamanitra-reo no efa niteny izany.

34 Ireto “teny ireto dia tsy avy amin’ olona na avy amin’ ny olona fa avy Amiko; koa hijoro ho vavolombelona ianareo fa avy Amiko ireto fa tsy avy amin’ olona;

35 Satria ny “feoko no miteny ireto aminareo; satria omena anareo amin’ ny alalan’ ny Fanahiko ireto, ary amin’ ny heriko no ahafahanareo mifamaky azy ireto; ary raha tsy noho ny heriko dia tsy ho nanana azy ireto ianareo;

36 Koa afaka “mijoro ho vavolombelona ianareo fa efa nahare ny feoko sy mahafantatra ny teniko.

37 Ary ankehitriny indro, ome-ko ho anao ry Oliver Cowdery, ary koa ho anao ry David Whitmer, ny hitadiavanareo ny Roambinifololahy izay hanana ny faniriana izay efa noresahiko;

38 Ary amin’ ny faniriany sy ny “asany no hahafantaranareo azy ireo.

39 Ary rehefa hitanareo izy ireo dia hasehonareo azy ireo ireto zavatra ireto.

40 Ary handohalika ianareo ka “hitsaoka ny Ray amin’ ny anarako.

41 Ary tsy maintsy mitory amin’ izao tontolo izao ianareo, manao hoe: Tsy maintsy mibebaka ianareo ary atao batisa amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy;

42 Fa tsy maintsy mibebaka ny lehilahy rehetra ary atao batisa, ary tsy ny lehilahy ihany fa ny vehivavy sy ny ankizy koa izay efa tonga eo amin’ ny taona “maha-tompon’ andraikitra.

43 Ary ankehitriny, rehefa avy nandray izao ianareo dia tsy maintsy mitandrina ny “didiko amin’ ny zavatra rehetra;

44 Ary amin’ ny tananareo no hanaovako asa “mahatalanjona eo anivon’ ny zanak’ olombelona, ho ‘fandresen-dahatra ny maro ny amin’ ny fahotany, mba hahatongavany amin’ ny fibebahana, mba hahatongavany ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko.

45 Koa ny fitahiana izay ome-ko ho anareo dia “ambonin’ ny zava-drehetra.

46 Ary rehefa avy nandray izao ianareo, raha tsy “tandre-

32a Môrô. 3:1–4;
F&F 20:60; 107:58.
TSM Manokana.
b 2 Pet. 1:21; F&F 68:3–4.
d F&F 20:27.
34a TSM Soratra Masina.
35a F&F 1:38.

TSM Feo.
36a TSM Mijoro ho
Vavolombelona.
38a TSM Asa.
40a TSM Fitsaohana.
42a F&F 20:71; 29:47; 68:27.
TSM Ampamoahina,

Ampamoaka.
43a TSM Didin’
Andriamanitra.
44a Isa. 29:14; F&F 4:1.
b Almà 36:12–19; 62:45.
45a F&F 84:35–38.
46a F&F 82:3.

manareo ny didiko, dia tsy azo vonjena ao amin' ny fanjakan' ny Raiko ianareo.

47 Indro, Izaho Jesoa Kristy

Tomponareo sy Andriamanitra-reo ary Mpanavotra anareo, amin' ny herin' ny Fanahiko, no efa niteny izany. Amena.

FIZARANA 19

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith tao Manchester, New York, ny volana Martsa 1830 (History of the Church, 1:72–74). Ao amin' ny tantarany, ny Mpaminany dia nampahafantatra izany ho “didin' Andriamanitra fa tsy an' olombelona, ho an' i Martin Harris, nomen' Ilay Izy izay Mandrakizay” (History of the Church, 1:72).

1–3, *Manana ny fahefana rehetra i Kristy*; 4–5, *Tsy maintsy mibebaka na mijaly ny olon-drehetra*; 6–12, *Famaizana mandrakizay ny famai-zan' Andriamanitra*; 13–20, *Nijaly ho an' ny rehetra i Kristy mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka*; 21–28, *Torio ny filazantsaran' ny fibebahana*; 29–41, *Ambarao ny vaovao mahafaly*.

IZAHO no “Alfa sy Omega, ^bKristy Tompo; eny, Izaho no Izy, ny fiandohana sy ny fiafarana, ny Mpanavotra izao tontolo izao.

2 Izaho, rehefa nahatontosa sy “nahavita ny sitrapon' Ilay Izy izay Azy Aho, dia ny Ray, momba Ahy — nanao izany mba hahazoako ^bmampanoa ny zava-drehetra Amiko —

3 Dia mitana ny “hery rehetra, eny hatramin' ny ^bfamongorana

an' i Satana sy ny asany amin' ny “fiafaran' izao tontolo izao, ary ilay androm-pitsarana lehibe sady farany izay hoentiko ho an' ny mponina eo aminy, ka “hitsara ny olona tsirairay araka ny ^fasany sy ny ataony izay efa vitany.

4 Ary marina fa ny olona tsirairay dia tsy maintsy “mibebaka na ^bmijaly, fa Izaho Andriamanitra dia ^ttsisy fiafarana.

5 Koa tsy “foanako ny famai-zana izay hampihariko, fa ho tonga ny loza, ny fitomaniana, ny ^bfidradradradrana ary ny fikitroha-nify, eny, ho an' ireo izay hita eo ^aankaviako.

6 Na dia izany aza, dia “tsy voasoratra fa tsy hanam-pahataperana izany fijaliana izany, fa voasoratra fa ^bfijaliana tsisy fiafarana izany.

7 Voasoratra koa hoe “*faname-*

19 1a Fan. 1:8, 11;

3 Ne. 9:18;

F&F 35:1; 61:1.

TSM Alfa sy Omega.

^b TSM Jesoa Kristy.

2a Jao. 17:4; 3 Ne. 11:11.

^b Filip. 3:21.

3a TSM Hery.

^b Isa. 14:12–17;

1 Jn. 3:8; 1 Ne. 22:26;

F&F 88:111–115.

^d TSM Izao Tontolo

Izao—Faran' ny tany.

^e TSM Fitsarana

Farany, Ny.

^f TSM Asa.

4a TSM Fibebahana.

^b Lio. 13:3; Hel. 14:19.

^d Mos. 1:3.

5a F&F 56:4; 58:32.

^b Mat. 13:42.

^d Mat. 25:41–43.

6a F&F 76:105–106;
138:59.

^b F&F 76:33, 44–45.

7a Hel. 12:25–26;
F&F 29:44.

lohana mandrakizay; koa izany dia hentitra kokoa noho ireo soratra masina hafa, mba hahazoany miasa amin' ny fon' ny zanak' olombelona, mba ho voninahitry ny anarako tanteraka.

8 Koa hohazavaiko aminareo izany mistery izany, fa mety aminareo ny mahafantatra, tahaka ireo apostoliko.

9 Miteny aminareo izay voafidy ao amin' ity zavatra ity Aho, izay iray ihany, mba hahazoanareo miditra ao amin' ny "fitsaharako.

10 Fa indro, ny "misterin' ny toetra araka an' Andriamanitra, akory ny halehiben' izany! Fa indro, Izaho dia tsisy fiafarana ary ny famaizana izay omen' ny tanako dia famaizana tsisy fiafarana, satria ^bTsisy Fiafarana no anarako. Koa—

11 Ny "famaizana mandrakizay dia ny famaizan' Andriamanitra.

12 Ny Famaizana tsisy fiafarana dia ny famaizan' Andriamanitra.

13 Koa didiako ianao hibe-baka sy hitandrana ireo "didy izay efa noraisinao tamin' ny tanan' i Joseph Smith zanany mpampompoko, tamin' ny anarako;

14 Ary tamin' ny heriko tsitoha no efa nandraisanao ireo;

15 Koa didiako ianao hibe-baka—mibebaha, fandrao hamely

anao amin' ny tsorakazon' ny vavako sy amin' ny fisafoako ary amin' ny fahatezerako Aho ary ho mamaivay ny "fijalianao—mamaivay manao ahoana, tsy fantatrao, mangirifiry manao ahoana, tsy fantatrao, eny, sarotra zakaina manao ahoana, tsy fantatrao.

16 Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa "nijaly tamin' ireo zavatra rehetra ireo ho an' ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo ^bhijaly raha "mibebaka;

17 Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy "mijaly tahaka Ahy;

18 Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin' ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny "mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra—

19 Kanefa, voninahitra anie ho an' ny Ray, ary nosotroiko izany ary "novitaiko izay efa nomaniko ho an' ny zanak' olombelona.

20 Koa didiako indray ianao hibe-baka, fandrao hanetry anao amin' ny heriko tsitoha Aho; ary "hiaiky ny fahotanao ianao fandrao hiharan' ireo famaizana izay efa noteneniko ireo, izay ny madinika indrindra, eny, ny

9a TSM Fitsaharana.

10a Jakôba 4:8;

F&F 76:114–116.

b Mos. 1:3; 7:35.

TSM Tsy

Manam-piafarana.

11a Mat. 25:46.

13a F&F 5:2; 10:6–7; 17:1–9.

15a Almà 36:11–19.

16a Almà 11:40–41.

TSM Sorompanavotana.

b TSM Famindram-po.

d TSM Famelana ny

Fahotana.

17a F&F 29:17.

18a Lio. 22:42–44.

19a Jao. 17:4; 19:30.

20a Nom. 5:6–7;

Môsîa 26:29;

F&F 58:43; 64:7.

TSM Miaiky.

faran' izay kely indrindra no efa nandramanao tamin' ny fotoana nisintonako ny Fanahiko.

21 Ary mandidy anao Aho ny tsy "hitoriana na inona na inona afa-tsy ny fibebahana, ary ^baza aseho izao tontolo izao ireto zavatra ireto, raha tsy fahendrena ao Amiko izany.

22 Fa tsy "mahatanty hena izy ireo ankehitriny, fa ^bronono no tsy maintsy sotroiny; koa tsy tokony hahafantatra ireto zavatra ireto izy ireo fandrao ho faty.

23 Mianara Amiko ary henoy ny teniko; "mandehana amin' ny ^bfahalempanahiko, dia hanana ny ^dfiadanana ao Amiko ianao.

24 Izaho no "Jesoa Kristy; tonga Aho noho ny sitrapon' ny Raiko, ary ataoko ny sitrapony.

25 Ary koa, mandidy anao Aho ny tsy "hitsiriritanao ny ^bvadin' ny namanao; na ny hifofonao ny ain' ny namanao.

26 Ary koa, mandidy anao Aho ny tsy hitsiriritanao ny fanananao ihany, fa ny hanomezanao izany malalaka ho fanontana ny Bokin' i Môrmôna, izay mirakitra ny "fahamarinana sy ny tenin' Andriamanitra—

27 Dia ny teniko ho an' ny

"Jentilisa, mba hahafahan' izany mandeha tsy ho ela ho any amin' ny ^bJiosy, izay ny Lamanita no ^dsisavavela, mba hahazoa-ny mino ny filazantsara, ka tsy hiandrandrany ny hahatonga-^bvan' ny ^eMesia izay efa tonga.

28 Ary koa, mandidy anao Aho ny "hivavahanao ^bamim-peo avo, ary koa anakampo; eny, eo anoloan' izao tontolo izao ary koa ao amin' ny miafina, ampahibemaso ary koa mitokana.

29 Ary "hanambara vaovao mahafaly ianao, eny, torio eny an-tendrombohitra izany sy eny amin' ny toerana avo rehetra ary any anivon' ny vahoaka rehetra izay havela ho hitanao.

30 Ary hanao izany amimpanetren-tena tanteraka ianao, "mitoky Amiko, tsy manebaka ireo mpanebaka.

31 Ary ny amin' ny "fotopi-noana, dia tsy hiteny ianao, fa hambaranao kosa ny fibebahana sy ny ^bfinoana ny Mpamonjy ary ny ^dfamelana ny fahotana amin' ny alalan' ny ^ebatisa sy amin' ny alalan' ny ^fafo, eny, dia ny ^gFanahy Masina.

32 Indro, izany no "didy lehibe sady farany izay homeko anao momba ity raharaha ity; fa ho

21a F&F 11:9.

^b JS—T 1:42.

22a F&F 78:17–18.

^b Heb. 5:11–14;

F&F 50:40.

23a Môrô. 7:3–4.

^b TSM Halemempanahy.

^d TSM Fiadanana.

24a TSM Jesoa Kristy.

25a TSM Mitsiriritra.

^b Eks. 20:17;

2 Tan. 7:2–4.

TSM Fanitsakitsahambady.

26a TSM Fahamarinana.

27a TSM Jentilisa.

^b TSM Jiosy.

^d Ômnia 1:14–19;

Môsià 25:2–4;

Hel. 8:21;

3 Ne. 2:12–16.

^e TSM Mesia.

28a 1 Tim. 2:8.

TSM Vavaka.

^b F&F 20:47, 51; 23:6.

29a TSM Asa Fitoriana.

30a TSM Matoky.

31a 2 Tim. 2:23–24.

^b TSM Finoana.

^d TSM Famelana ny Fahotana.

^e TSM Batisa.

^f Mat. 3:11.

^g TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

32a F&F 58:26–29.

ampy ho an' ny dianao isan' andro izany, eny, hatrany amin' ny fiafaran' ny fiainanao.

33 Ary fahoriana no ho tojo anao raha ataonao an-tsirambina ireto ^atorohevitra ireto, eny, dia ny famongorana ny tenanao sy ny fanananao.

34 ^aOmeo ny ampahany amin' ny fanananao, eny, ny ampahany amin' ny taninao, dia ny rehetra afa-tsy izay ho famelomanao ny fianakavianao.

35 Aloavy ny ^atrosa izay efa ^bnaraikitrao tamin' ny mpanota printy. Afaho ny tenanao hiala amin' ny ^afatorana.

36 ^aIlaozy ny tranonao sy ny tokantranonao, raha tsy hoe maniry ny hahita ny fianakavianao ianao;

37 Ary ^amiresaha malalaka amin' ny rehetra; eny, torio, entano, ambarao ny ^bmarina, dia amin' ny feo mahery, amin'

ny feon' ny hiakam-piravoravoana hoe—Hôsanà, hôsanà, hotahina anie ny anaran' ny Tompo Andriamanitra!

38 ^aMivavaha mandrakariva, dia ^bhaidiko aminao ny Fanahiko, ary ho lehibe ny fitahiana anao—eny, mihoatra noho izay mety ho azonao amin' ny rakis-toan' ny tany mbamin' ny fahaloavana mifametra aminy aza.

39 Indro, vitanao va ny mamaky ity ka tsy hifaly sy tsy hanandratra ny fonao noho ny hafaliana?

40 Sa vitanao ny mivezika etsy sy eroa toy ny mpitari-dalana jamba?

41 Sa vitanao ny ^amanetry tena sy ho malemy fanahy ary ny hitondra tena amim-pahendrena tokoa eo anoloako? Eny, ^bmanatona Ahy Mpamonjy anao. Amena.

FIZARANA 20

Fanambarana momba ny fandaminana sy ny fitantanana ny Fiangonana, nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany, ny volana Aprily 1830 (History of the Church, 1:64–70). Talohan' ny nitanany ity fanambarana ity an-tsoratra, dia nanoratra ny Mpaminany hoe: “Nahazo izao manaraka izao Taminy [i Jesoa Kristy] izahay, tamin' ny alalan' ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanambarana; izay tsy nanome anay filazalazana maro fotsiny fa nanondro anay koa ny andro voafaritra izay tokony hirosoanay araka ny sitrapony sy ny didiny amin' ny fanangana indray ny Fiangonany eto an-tany” (History of the Church, 1:64).

1–16, Ny bokin' i Môrmôna dia manaporofa ny maha avy amin'

Andriamanitra ny asan' ny andro farany; 17–28, Nohamafisina ny

33a TSM Didin' Andriamanitra.

34a Asa 4:34–35.

35a TSM Trosa.

^b IE handoa ny famoahana ny

fanontana voalohany ny Bokin' i Môrmôna.
^d Ohab. 22:7.

36a Mat. 19:29.

37a F&F 58:47; 68:8; 71:7.
^b F&F 75:4.

38a Lio. 18:1; 2 Ne. 32:9; F&F 10:5.

^b Ohab. 1:23; Asa 2:17.

41a TSM Fanetren-tena.
^b Mat. 11:28–30.

fotopampianarana momba ny fahariana, ny fahalavoana, ny sorompanavotana ary ny batisa; 29-37, Nomena ny lalàna mifehy ny fibebahana, ny fanamarinana, ny fanamasinana ary ny batisa; 38-67, Famintinana ny andraikitra ny loholona, ny mpisorona, ny mpampianatra ary ny diakona; 68-74, Fanambarana ny andraikitra ny mpikambana, ny fitsofandrano ny ankizy ary ny fomba fanaovana batisa; 75-84, Fanomezana ireo vavaka amin' ny Fanasan' ny Tompo sy ny fitsipika mifehy ny maha mpikambana ao amin' ny Fiangonana.

NY "fitsanganan' ny ^bFiangonan' i Kristy amin' izao andro farany izao, telopolo sy valonjato sy arivo taona hatramin' ny nahatongavan' i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika tao amin' ny nofo, dia fiangonana izay miorina ara-dalàna ary "voalamina mba hifanaraka amin' ny lalàn' ny tanintsika, noho ny sitrapo sy ny didin' Andriamanitra, ny volana fahefatra sy ny andro fahenin' ny volana izay atao hoe Aprily—

2 Dia didy nomena an' i Joseph Smith zanany izay "nantsoin' Andriamanitra ary natokana ho ^bapostolin' i Jesoa Kristy mba ho "loholona voalohany amin' ity fiangonana ity;

3 Ary nomena an' i Oliver Cowdery izay nantsoin' Andriamanitra koa ho apostolin' i Jesoa Kristy, ho loholona faharoa amin' ity fiangonana ity ary natokan' ny tanany;

4 Ary izany dia araka ny fahasoavan' i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika, ho Azy anie ny voninahitra rehetra ankehitriny sy ho mandrakizay. Amen.

5 Taorian' ny nanehoana marina tokoa tamin' ity loholona voalohany ity fa efa azony ny famelana ny fahotany, dia "voafandrika indray tao amin' ny zava-poan' izao tontolo izao izy;

6 Saingy rehefa nibebaka sy nanetry ny tenany tamin-kitsimpo tokoa izy, tamin' ny finoana dia nampianarin' Andriamanitra izy tamin' ny alalan' ny "anjely masina izay tahaka ny tselatra ny ^btarehiny ary madio sy fotsy manaoatra noho ny hafotsiana hafa rehetra ny akanjony;

7 Ary nomeny azy didy izay nitaona ny fanahiny;

8 Ary nomeny azy ny hery avy any ambony, tamin' ny alalan' ny "fomba izay efa nomanina mialoha mba handikana ny Bokin' i Môrmôna;

9 Izay mirakitra ny rakisatoratry ny vahoaka iray lavo sy ny "fahafenoan' ny

20 1a JS—T 1:2.

b 3 Ne. 27:1-8.

TSM Fiangonana,
Anaran' ny;
Fiangonan' i Jesoa
Kristy ho an' ny
Olomasin' ny Andro

Farany, Ny.

d F&F 21:3.

2a TSM Fahefana; Antso,
Antsoin'
Andriamanitra.
b TSM Apostoly.
d TSM Loholona.

5a JS—T 1:28-29.

6a JS—T 1:30-35.

TSM Anjely.
b Mat. 28:2-3.

8a TSM Orima sy
Tomima.

9a JS—T 1:34.

^bfilazantsaran' i Jesoa Kristy ho an' ny Jentilisa ary ho an' ny Jiosy koa;

10 Izy nomena tamin' ny alalan' ny fitaoman' ny fanahy ary hamafisina amin' ny ^ahafa amin' ny alalan' ny fanompoan' ireo anjely, ary ^bambaran' ireo amin' izao tontolo izao—

11 Manaporofo amin' izao tontolo izao fa ^amarina ireo soratra masina, fa Andriamanitra dia ^bmitaona ny olona am-panahy sy miantso azy ho amin' ny ^dasany masina amin' ity taona sy taranaka ity, ary koa tamin' ireo taranaka fahiny;

12 Ka maneho amin' ny alalan' izany fa Andriamanitra ^atsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay Izy. Amena.

13 Koa satria ananany ireo vavolombelona lehibe ireo, dia amin' ny alalan' ireo no hitsarana izao tontolo izao, dia ireo rehetra izay ho tonga amin' ny fahalalana izao asa izao rahatrizay.

14 Ary ireo izay mandray izany amin' ny finoana ary manao ny ^amarina no handray ny ^bsatroboninahitry ny fiainana mandrakizay;

15 Fa ireo izay manamafy ny fony kosa ao amin' ny ^atsy finoana ary mitsipaka izany, dia hivadika ho fanamelohana ho azy ireo ihany izany—

16 Fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany; ary iza-hay loholon' ny fiangonana dia efa nandre ka mijoro ho vavolombelon' ny tenin' ilay Mpanjaka be voninahitra any amin' ny avo, ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena.

17 Ireo zavatra ireo no ^aahafantarantsika fa misy ^bAndriamanitra any an-danitra, izay tsisy fetra sy mandrakizay, Andriamanitra tsy miova hatrizay ka haharitra mandrakizay, mpahary ny lanitra sy ny tany mbamin' ny zavatra rehetra izay ao aminy;

18 Fa ^anahary ny olona, lahy sy vavy Izy, tahaka ny ^bendriny sy araka ny tarehiny no nahariany azy ireo;

19 Ary nomeny azy ireo ny didy ho ^atia sy ^bhanompo Azy, ilay hany Andriamanitra velona sady marina, ka Izy no hany tokony ^dhitsaohan' izy ireo.

20 Saingy noho ny fandikana

9b TSM Filazantsara.

10a Môrô. 7:29-32;
F&F 5:11.

^b Jereo ny

Tenivavolombelon' ireo Vavolombelona Telo sy Tenivavolombelon' ireo Vavolombelona Valo ao amin' ireo pejy voalohan' ny Bokin' i Môrmôna.

11a TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny

Soratra Masina.

^b TSM Fitaoman' ny Fanahy.

^d TSM Masina.

12a Heb. 13:8;
1 Ne. 10:18-19;
Môrm. 9:9-10;
F&F 35:1; 38:1-4.

14a TSM Fahamarinana.

^b TSM Fiainana
Mandrakizay;
Fisandratana.

15a TSM Tsy Finoana.
17a F&F 76:22-23.

^b Jos. 2:11.

TSM Andriamanitra.

18a TSM Fahariana.

^b Gen. 1:26-27;

Môsîà 7:27;

Etera 3:14-17.

19a Deot. 11:1;

Mat. 22:37;

Môrô. 10:32;

F&F 59:5-6.

^b Deot. 6:13-15.

TSM Fanompoana.

^d TSM Fitsaohana.

ireo lalàna masina ireo, dia nanjary “nandarana ny nofo sy ^bdevoly toetra ny olona, ka nanjary “olona lavo.

21 Koa nomen’ Andriamanitra Tsitoha ny Zanany “Lahitokana, araka izay voasoratra ao amin’ ireo soratra masina ireo izay efa nomena momba Azy.

22 “Nalaim-panahy Izy saingy tsy nilefitra tamin’ ireny.

23 “Nohomboana Izy, maty ary ^bnitsangana indray tamin’ ny andro fahatelo;

24 Ary “niakatra any an-danitra Izy mba hipetraka eo antanana ankavanan’ ny ^bRay, mba hanjaka miaraka amin’ ny hery tsitoha araka ny sitrapon’ ny Ray;

25 Ka izay rehetra “hino sy hatao batisa amin’ ny anarany masina ary ^bhaharitra amin’ ny finoana hatramin’ ny farany dia hovanjena—

26 Tsy ireo izay nino taorian’ ny niaviany tao amin’ ny nofo tamin’ ny “mitataovovonan’ ny fotoana ihany, fa ireo rehetra hatrany am-piandohana koa, dia ireo rehetra izay nisy talohan’ ny nahatongavany, izay nino ny tenin’ ireo ^bmpaminany masina izay niteny araka ny

nitaoman’ ny “fanomezana ny Fanahy Masina azy ireo sy “nijoro ho vavolombelona marina tokoa ny Aminy tamin’ ny zava-drehetra, dia hahazo ny fiainana mandrakizay,

27 Ary koa ireo izay ho tonga aoriana, izay hino ireo “fanomezam-pahasoavana sy ireo antson’ Andriamanitra amin’ ny alalan’ ny Fanahy Masina izay ^bvavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka;

28 Dia ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina izay Andriamanitra “iray, tsisy fetra ary mandrakizay, tsy manam-pahataperana. Amena.

29 Ary fantatray fa ny olondrehetra dia tsy maintsy “mibebaka sy mino ny anaran’ i Jesoa Kristy ary mitsaoka ny Ray amin’ ny anarany sy maharitra amin’ ny ^bfinoana ny anarany hatramin’ ny farany, raha tsy izany dia tsy azo “vonjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra izy.

30 Ary fantatray fa ny “fanamarinana amin’ ny alalan’ ny ^bfahasoavan’ i Jesoa Kristy Tompotsika sy Mpamonjy antsika dia mahitsy sy marina;

20a TSM Manarana ny Filan’ ny Nofo.

b TSM Devoly.

d TSM Olona araka ny Nofo.

21a TSM Lahitokana.

22a Mat. 4:1–11; 27:40.

23a TSM Fanomboana.

b TSM Fitsanganana amin’ ny Maty.

24a TSM Fiakaranana.

b TSM Ray any An-danitra; Andriamanitra—

Andriamanitra Ray.
25a F&F 35:2; 38:4; 45:5, 8; 68:9; 76:51–53.

b TSM Maharitra.

26a F&F 39:1–3.

b Jakôba 4:4; 7:11;

Môsîà 13:33.

d Mos. 5:58.

TSM Fanahy Masina.

e TSM Jesoa Kristy—
Faminaniana ny amin’ ny fahaterahana sy ny fahafatesan’ i

Jesoa Kristy.

27a F&F 18:32.

b F&F 42:17.

28a Jao. 17:20–22;

3 Ne. 11:27, 36.

TSM Andriamanitra.

29a TSM Fibeabana.

b TSM Finoana.

d TSM Famonjena;

Drafitry ny Fanavotana.

30a TSM Manamarina.

b TSM Fahasoavana.

31 Ary fantatray koa fa ny “fanamasinana amin’ ny alalan’ ny fahasoavan’ i Jesoa Kristy Tompontosika sy Mpamonjy antsika dia mahitsy sy marina, ho an’ ireo rehetra izay tia sy manompo an’ Andriamanitra amin’ ny ^bheriny rehetra, ny sainy rehetra ary ny tanjany rehetra.

32 Saingy mety ho “lavo hiala amin’ ny fahasoavana ny olona ka hiala amin’ ilay Andriamanitra velona;

33 Koa aoka ny fiangonana hiambina sy hivavaka mandrakariva fandrao ho lavo ao amin’ ny “fakampanahy;

34 Eny, ary aoka ireo izay efa nohamasinina hiambina ihany koa.

35 Ary fantatray fa marina ireto zavatra ireto ary mifanaraka amin’ ny fanambaran’ i Jaona, sady tsy “manampy no tsy manaisotra ny faminanian’ ny bokiny, ireo ^bsoratra masina, na ireo fanambaran’ Andriamanitra, izay ho avy rahatrizay amin’ ny alalan’ ny fanomezana sy ny herin’ ny Fanahy Masina, ny “feon’ Andriamanitra, na ny fanompoan’ ireo anjely.

36 Ary ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany; ary ny haja, ny hery ary ny voninahitra anie atolotra ny anarany

masina, ankehitriny ary mandrakizay. Amena.

37 Ary ankoatra izany, ho fandiana ny fiangonana momba ny fomba fanaovana batisa — Ireo rehetra izay manetry ny tenany eo anoloan’ Andriamanitra ary maniry ny “hatao batisa, ka manatona amin’ ny ^bfo torotoro sy ny fanahy manenina ary mijoro ho vavolombelona eo anoloan’ ny fiangonana fa efa nibebaka marina tokoa tamin’ ny fahotany rehetra ary vonona ny hitondra ny “anaran’ i Jesoa Kristy, manana ny “finiavana hanompo Azy hatramin’ ny farany, ary maneho marina tokoa amin’ ny ^fasany fa efa nandray tamin’ ny Fanahin’ i Kristy izy ireo ho ^sfelamela ny fahotany, dia ho raisina ao amin’ ny fiangonany amin’ ny alalan’ ny batisa.

38 Ny andraikitr’ ireo loholona, mpisorona, mpampianatra, diakona ary mpikambana amin’ ny fiangonan’ i Kristy — Ny “apostoly dia loholona, ary ny antsony dia ny manao ^bbatisa;

39 Sy ny “manokana loholona, mpisorona, mpampianatra ary diakona hafa;

40 Sy ny “mikarakara ny mofo sy ny divay — tandindon’ ny nofo sy ny ran’ i Kristy —

41 Sy ny “mandray ireo izay vita batisa ho mpikambana

31a TSM Fanamasinana.

b Deot. 6:5; Môrô. 10:32.

32a TSM Apôstazia;
Fikomiana.

33a TSM Fakam-panahy.

35a Fan. 22:18–19.

b TSM Soratra Masina.

d F&F 18:33–36.

37a TSM Batisa.

b TSM Fo Torotoro.

d Môsià 5:7–9; 18:8–10.

TSM Jesoa Kristy —
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran’
i Jesoa Kristy.

e TSM Maharitra.

f Jakoba 2:18.

TSM Asa.

g TSM Famelana ny
Fahotana.

38a TSM Apostoly.

b 3 Ne. 11:21–22.

39a Môrô. 3:1–4;

F&F 107:58.

40a TSM Fanasan’ ny
Tomo.

41a F&F 33:11, 14–15; 55:3.

amin' ny fiangonana, amin' ny alalan' ny fametrahana-^btanana ho fanaovana ny batisa amin' ny afo sy ny ^dFanahy Masina, araka ny soratra masina;

42 Sy ny mampianatra, ny manazava, ny manentana, ny manao batisa ary ny mitandrina ny fiangonana;

43 Sy ny mandray ho mpikambana ao amin' ny fiangonana amin' ny alalan' ny fametrahana-tanana sy ny fanomezana ny Fanahy Masina;

44 Sy ny mandray ny fitarihana ny fivoriana rehetra.

45 Ny loholona dia tokony ^ahitrika ireo fivoriana araka izay itarihan' ny Fanahy Masina azy, araka ireo didy sy ireo fanambaran' Andriamanitra.

46 Ny andraikitra ny ^ampisorona dia ny mitory, ^bmampianatra, manazava, manentana ary ny manao batisa sy ny mikarakara ny fanasan' ny Tompo,

47 Sy ny mamangy ny tranon' ny mpikambana tsirairay ary ny manentana azy hanao ^atonombavaka sy ^bhivavaka mangina ary hiatrika ny ^dadidy rehetra ao amin' ny fianakaviana.

48 Ary izy dia mahazo ^amanokana koa ireo mpisorona, mpampianatra ary diakona hafa.

49 Ary izy no mandray ny fitarihana ireo fivoriana, rehefa tsy misy loholona manatrika;

50 Fa rehefa misy loholona

manatrika dia ny mitory, ny mampianatra, ny manazava, ny manentana ary ny manao batisa ihany no azy,

51 Ary ny mamangy ny tranon' ny mpikambana tsirairay, manentana azy hanao tonombavaka sy hivavaka mangina ary hiatrika ny adidy rehetra ao amin' ny fianakaviana.

52 Tokony ^ahanampy ny loholona ny mpisorona amin' ireo andraikitra rehetra ireo, raha ilaina izany.

53 Ny ^aandraikitra ny mpampianatra dia ny ^bmitandrina mandrakariva ireo mpikambana ao amin' ny fiangonana, ary ny miaraka amin' izy ireo sy ny manatanjaka azy;

54 Ary ny mijery mba tsy hisy heloka ao amin' ny fiangonana, na ^afifanamafisam-po, na fandaingana, na fifosana, na ^bfitenenan-dratsy;

55 Ary ny manao izay hiarahan' ny fiangonana mivory matetika, ary koa ny manao izay hahatontosan' ny mpikambana rehetra ny andraikiny.

56 Ary izy no tokony handray ny fitarihana ireo fivoriana, rehefa tsy misy loholona na mpisorona manatrika—

57 Ary tokony hampian' ireo ^adiakona mandrakariva izy amin' ny andraikiny rehetra ao am-piangonana, raha ilaina izany.

41b TSM Fametrahana-tanana.

d TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

45a Môrô. 6:9; F&F 46:2.

46a F&F 84:111; 107:61.

TSM Mpisorona,

Fisoronana Aharôna.

b TSM Mampianatra.

47a F&F 19:28.

b 1 Tim. 2:8.

d TSM Fianakaviana.

48a TSM Manokana.

52a F&F 107:14.

53a TSM Mpampianatra, Fisoronana Aharôna.

b TSM Mpiambina.

54a 1 Tes. 5:11-13.

b TSM Fitenenan-dratsy.

57a TSM Diakona.

58 Saingy na ny mpampianatra na ny diakona dia samy tsy manana fahefana hanao batisa na hikorakara ny fanasan' ny Tompo, na hametra-tanana;

59 Izy ireo kosa anefa dia tokony hampitandrina, hanazava, hanentana ary hampianatra sy hanasa ny rehetra hanatona an' i Kristy.

60 Ny "loholona, ny mpisorona, ny mpampianatra na ny diakona tsirairay dia tokony hatokana arakaraka ireo fanomezam-pahasoavana sy ^bantson' Andriamanitra ho azy; ary izy dia tokony hatokana amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina, izay ao amin' ilay olona manokana azy;

61 Ireo loholona samy hafa hita ao amin' ity fiangonan' i Kristy ity dia tokony hivory amin' ny fihaonambe indray mandeha isan-telo volana na ombieny ombieny, araka izay tapahina na ifanarahana eo amin' ireo fihaonambe voalaza ireo;

62 Ary ireo fihaonambe voalaza ireo dia tokony hanatontosa ny raharaham-piangonana ilaina hovitaina amin' izay fotoana izay.

63 Ireo loholona dia tokony handray ny fahazoany lalana avy amin' ireo loholona hafa, na amin' ny "fifidianan' ny fiangonana izay ikambanany, na avy amin' ireo fihaonambe.

64 Ny mpisorona, mpampia-

natra na diakona tsirairay izay voatoka' ny mpisorona dia mahazo maka aminy ny taratasy fanamarinana amin' izay fotoana izay, ka izany "fanamarinana izany rehefa aseho ny loholona no hanome azy ny zo hahazo ny fahazoan-dalana izay hanome azy fahefana hanatontosa ireo andraikitra amin' ny antsony, na azony raisina amin' ny fihaonambe izany.

65 Tsy misy olona tokony "hatokana ho amin' izay mety ho anjara fanompoana ao amin' ity fiangonana ity, eo amin' izay misy sampana miorina ara-dalana, raha tsy nandalo ny ^bfifidianana tao amin' ilay fiangonana;

66 Saingy ireo loholona mpiahy, ireo eveka mihelina, ireo mpanolo-tsaina avo, ireo mpisorona avo ary ireo loholona dia mety hanana ny zo amin' ny fanokanana eo amin' izay toerana tsy misy sampan' ny fiangonana izay ahafahana manao fifidianana.

67 Ny filoha tsirairain' ny fisoronana avo (na loholona mpiahy), ny "eveka tsirairay, ny mpanolo-tsaina avo tsirairay sy ny ^bmpisorona avo dia tokony hatokana araka ny toromariky ny "filankevitra avo na ny fihaonamben' ny fiangonana.

68 Ny "andraikitra ny mpikambana taorian' ny nandraisana azy tamin' ny batisa — Tokony hano-kana fotoana ampy ny loholona

60a TSM Loholona.
b TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

63a TSM Faneken' ny Rehetra.

64a F&F 20:84; 52:41.

65a TSM Manokana.

b F&F 26:2.

TSM Faneken' ny Rehetra.

67a TSM Eveka.

b TSM Mpisorona Avo.

d TSM Filankevitra Avo.

68a TSM Adidy.

na ny mpisorona hanazavana ny zava-drehetra momba ny fiangonan' i Kristy mba ho ^bazony, mialohan' ny handraisany ny ^afanasan' ny Tompo sy ny fandraisana mpikambana azy ho amin' ny alalan' ny ^afametrahantanana' ny loholona, mba hahazoana manatontosa ny zavatra rehetra amim-pilaminana.

69 Ary ny mpikambana dia haneho eo anoloan' ny fiangonana, ary koa eo anoloan' ireo loholona amin' ny fandehana sy ny firesahana araka an' Andriamanitra, fa mendrika izany izy, ka haneho ^aasa sy finoana mifanaraka amin' ny soratra masina—amin' ny fandehana amin' ny ^bfahamasinana eo anoloan' ny Tompo.

70 Ny mpikambana tsirairay amin' ny fiangonan' i Kristy izay manan-janaka dia tokony hitondra azy eo anoloan' ny fiangonana, amin' ireo loholona izay hametra-tanana aminy amin' ny anaran' i Jesoa Kristy ka ^ahitso-drano azy amin' ny anarany.

71 Tsy misy azo raisina ho ao amin' ny fiangonan' i Kristy, raha tsy efa tonga eo amin' ny taona ^amaha-tompon' andraikitra azy eo anoloan' Andriamanitra izy ary efa mahay ^bmibebaka.

72 Tokony ^ahatao batisa araka izao fomba manaraka izao ireo rehetra izay mibebaka—

73 Ny olona izay antsoin' Andriamanitra ary manana ny fahefana avy amin' i Jesoa Kristy hanao batisa dia hidina ao anaty rano miaraka amin' ilay olona, na lahy izy na vavy, izay efa nanolo-tena ho amin' ny batisa, ary hiteny hoe, rehefa avy niantso azy tamin' ny anarany: Rehefa nomen' i Jesoa Kristy fahefana aho, izaho dia manao batisa anao amin' ny anaran' ny Ray sy ny an' ny Zanaka ary ny an' ny Fanahy Masina. Amena.

74 Avy eo dia ^ahanitrika ilay lehilahy na vehivavy ao anaty rano izy, sy hamoaka indray avy ao anaty rano.

75 Ilaina ny hiarahan' ny fiangonana mivory matetika mba ^ahandray ny mofo sy ny divay ho ^bfahatsiarovana an' i Jesoa Tompo;

76 Ary ny loholona na ny mpisorona no hikarakara izany; ary hikarakara izany araka izao ^afomba izao izy—hiara-mandohalika amin' ny fiangonana izy ary hiantso ny Ray amin' ny vavaka avy ao am-po, manao hoe;

77 Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy hitahy sy

68b TSM Fahatakarana.

d TSM Fanasan' ny Tompo.

e TSM Fimetrahantanana.

69a Jakoba 2:14–17.

b TSM Fahamasinana.

70a TSM Fitahiana—Fitsofan-drano ny

ankizy.

71a F&F 18:42; 29:47; 68:25–27.

TSM Ampamoahina, Ampamoaka; Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa.

b TSM Fibebahana.

72a 3 Ne. 11:22–28.

74a TSM Batisa—Batisa asitrika.

75a Asa 20:7.

b TSM Fanasan' ny Tompo.

76a Môrô. 4:1–3.

hanamasina ity “mofo ity ho an’ ny fanahin’ ireo rehetra izay mandray amin’ izany, mba hahazoany mihinana ho fahatsiarovana ny vatan’ ny Zanakao sy ^bhijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo ny ^dhitondra ny anaran’ ny Zanakao, ny hahatsiaro Azy mandrakariva ^eary ny hitandrina ny didiny izay efa nomeny azy ireo; mba hananany mandrakariva ny ^fFanahiny miaraka aminy. Amena.

78 Ny “fomba fitantanana ny divay—handray ny ^bkapoaka koa izy ary hiteny hoe:

79 Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay amin’ ny anaran’ ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity “divay ity ho an’ ny fanahin’ ireo rehetra izay misotro amin’ izany, mba hahazoany manao izany ho fahatsiarovana ny ran’ ny Zanakao izay nalatsaka ho azy ireo; mba hijoroany ho vavolombelona Aminao Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa hotsaroany mandrakariva Izy, mba hananany ny Fanahiny miaraka aminy. Amena.

80 Na zovy na zovy mpikambana amin’ ny fiangonan’ i Kristy ka mandika lalàna na trahaka ao amin’ ny hadisoana, dia hoentina araka ny torolalan’ ny soratra masina izy.

81 Andraikitr’ ireo fiangonana samihafa izay ao amin’ ny fiangonan’ i Kristy ny mandefa anankiray na maro amin’ ireo mpampianany hanatrika ireo fihaonambe maro tontosain’ ireo loholon’ ny fiangonana,

82 Miaraka amin’ ny lisitry ny “anaran’ ireo mpikambana maro izay vao nitambatra tamin’ ny fiangonana hatramin’ ny fihaonambe farany; na ny mampitondra izany an’ ireo mpisorona sasany; mba ho lisitra ara-dalana misy ny anaran’ ireo rehetra ao amin’ ny fiangonana manontolo no ho ao amin’ ny boky iray izay tanan’ ny iray amin’ ireo loholona, izay hotendren’ ireo loholona hafa ombieny ombieny;

83 Ary koa, raha misy “voaroaka amin’ ny fiangonana, dia mba ho azo vonoina ao amin’ ny firaketana ankapobeny ireo anarana ao amin’ ny fiangonana ny anarany.

84 Ny mpikambana rehetra izay mifindra monina ka miala ny fiangonana izay nisy azy ary mandeha any amin’ ny fiangonana izay tsy mahafantatra azy, dia mahazo maka taratasy fanamarinana fa izy dia mpikambana marina sady tsara laza, dia fanamarinana izay azon’ ny loholona na ny mpisorona soniavina raha toa ka mifankahalala manokana ilay mpikambana mangataka ny taratasy sy

77a Lio. 22:19.
b Môsià 18:8–10;
F&F 20:37.
d Môsià 5:8–12.
e TSM Mankatò.

f Jao. 14:16.
78a Môrô. 5:1–2.
b Lio. 22:20.
79a F&F 27:2–4.
82a Môrô. 6:4.

83a Eks. 32:33;
Almà 5:57; Môrô. 6:7.
TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.

ny loholona na ny mpisorona,
na koa azon' ny mpampianatra

na ny diakona ao amin' ny fian-
gonana soniavina izany.

FIZARANA 21

*Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny 6 Aprily 1830 (History of the Church, 1:74-79). Nomena nandritra ny fananganana ny fiangonana tamin' io daty voatondro io ity fanambarana ity, tao an-tranon' i Peter Whitmer rainy. Enin-dahy, izay efa natao batisa taloha, no nandray anjara tamin' izany. Tamin' ny safidy niraisana no nanehoan' ireo olona ireo ny faniriany sy ny finia-
vany hanangana ny fiangonana araka ny didin' Andriamanitra (jereo fizarana 20). Nofidiany koa ny hanaiky sy hanohana an' i Joseph Smith zanany sy i Oliver Cowdery ho mpitarika miahy ny Fiangonana. Tamin' ny fametrahan-tanana avy eo no nanokanan' i Joseph an' i Oliver ho loholon' ny Fiangonana; ary natokan' i Oliver toy izany koa i Joseph. Taorian' ny fanatanterahana ny fanasan' ny Tompo, dia nametrahan' i Joseph sy i Oliver tanana ny mpivory tsirairay, ho fanomezana ny Fanahy Masina ary ho fanamafisana ny maha-mpikambana ny tsirairay ao amin' ny Fiangonana.*

1-3, Nantsoina ho mpahita ho mpandika teny ho mpaminany ho apostoly ary ho loholona i Joseph Smith; 4-8, Hitarika ny foto-kevitry i Ziona ny teniny; 9-12, Ireo olomasina dia hino ny teniny izay teneniny amin' ny alalan' ny Mpampionona.

INDRO, hisy "rakitsoratra ho-tanana eo anivonareo, ary ao anatin' izany no hiantsoana anao ho mpahita ho mpandika teny ho mpaminany ho "apostolin' i Jesoa Kristy, ho loholon' ny fiangonana, noho ny sitrapon' Andriamanitra Ray sy ny fahasovan' i Jesoa Kristy Tomponao,

2 Izay "taomin' ny Fanahy Masina mba handatsaka ny fanorenan' izany ary hanorina izany amin' ny finoana masina indrindra.

3 Izay "fiangonana ^bnatsangana sy naorina ny taona telopolo sy valonjato sy arivo taorian' ny Tomponao, tamin' ny volana fahafatra sy ny andro fahenin' ny volana izay antsoina hoe Aprily.

4 Koa miteny aminareo fiangonana Aho hampandrianareo sofina amin' ny "teniny rehetra sy ny didy rehetra izay homeny anareo araka ny andraisany azy ireny, amin' ny fandehanana amin' ny ^bfahamasinana tateraka eo anoloako;

21 1a F&F 47:1; 69:3-8;
85:1.
b TSM Mpahita.
d TSM Apostoly.
2a TSM Fitaoman' ny

Fanahy.
3a TSM Fiangonan' i
Jesoa Kristy ho an'
ny Olomasin' ny
Andro Farany, Ny.

b F&F 20:1.
4a TSM Soratra Masina.
b TSM Fahamasinana.

5 Fa ny “teniny dia horaisina-reo toa ireny avy amin’ ny vavako ireny, amin’ ny faharetana sy ny finoana rehetra.

6 Fa amin’ ny fanaovana ireny zavatra ireny, ny “vavahadin’ ny helo dia tsy haharesy anareo; eny, ary ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin’ ny ^bhaizina eo anoloanareo ary ^dhampihozon-gozona ny lanitra mba ho soa ho anareo sy ho “voninahitry ny anarany.

7 Fa izao no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Izy no notao-miko tamin’ ny fanahiko mba hampandroso ny foto-kevitr’ i “Ziona amin’ ny hery lehibe ho amin’ ny tsara, ary ny fahazo-toany dia fantatro, ary ny fivavany dia efa reko.

8 Eny, ny fitomaniany noho ny amin’ i Ziona dia efa hitako, ary hataoko izay tsy hitomaniany noho ny aminy intsony; fa ny androm-piravoravoany dia efa tonga noho ny “famelana ny fahotany sy ny fanehoana ny fitahiako eo amin’ ny asany.

9 Fa indro, “hotahiako amin’ ny fitahiana lehibe ireo rehetra izay miasa ao amin’ ny ^btanimboliko, ka hinoan’ izy ireo ny teniny izay omen’ ny ^dMpampionona azy amin’ ny alalako, dia ny Mpampionona izay “maneho fa ^fnohomboan’ ny olona ^gmpanota i Jesoa noho ny fahotan’ ^hizao tontolo izao, eny, ho famelana ny fahotan’ ny ⁱtorotoro fo.

10 Koa ataoko fa ilaina ny tokony “hanokananao azy ry Oliver Cowdery apostoliko;

11 Ary izany dia ôrdônansy ho anao, fa ianao dia loholona eo ambanin’ ny tanany, satria izy no “voalohany ho anao mba hahatonga anao ho loholona amin’ ity fiangonan’ i Kristy, izay mitondra ny anarako ity—

12 Sy ho mpitoriteny voalohan’ ity fiangonana ity ho an’ ny fiangonana sy manoloana izao tontolo izao, eny, manoloana ny Jentilisa; eny, ary izao no lazain’ ny Tompo Andriamanitra, indro, indro! ho an’ ny “Jiosy koa. Amena.

FIZARANA 22

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Manchester, New York, ny volana Aprily 1830 (History of the Church, 1:79–80). Nomena ny Fiangonana ity fanambarana ity noho

5a F&F 1:38.
TSM Fanohanana ireo
Mpitondra ny
Fiangonana;
Mpaminany.
6a Mat. 16:18; F&F 10:69.
b Kol. 1:12–13.
d F&F 35:24.
e TSM Voninahitra.
7a TSM Ziona.

8a F&F 20:5–6.
9a 1 Ne. 13:37;
Jakôba 5:70–76.
b TSM Tanimbolin’ ny
Tomo.
d TSM Mpampionona.
e TSM Mijoro ho
Vavolombelona.
f TSM Fanomboana.
g TSM Fahotana.

h 1 Jn. 2:2.
TSM Izao Tontolo
Izao—Ny olona izay
tsy mankatò ny
didin’ Andriamanitra.
i TSM Fo Torotoro.
10a TSM Manokana.
11a F&F 20:2.
12a 1 Ne. 13:42;
F&F 19:27; 90:8–9.

ireo olona sasany izay efa vita batisa tany aloha ary maniry ny hikambana amin' ny Fiangonana saingy tsy haverina hatao batisa intsony.

1, *Fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay ny batisa; 2–4, Takiana ny batisa ombampahefana.*

INDRO, lazaiko aminareo fa ireo fanekempihavanana "tranainy dia efa nasaiko nofoanana ao amin' izao zavatra izao; ary izao dia fanekempihavanana vaovao sy ^bmaharitra mandrakizay, dia ilay nisy hatrany am-piandohana.

2 Koa na dia hatao batisa inja-to aza ny olona iray, dia tsy

mahasoa azy izany, fa ianareo dia tsy afaka miditra amin' ny vavahady ety amin' ny alalan' ny ^alalàn' i Mosesy, na amin' ny alalan' ny ^basa maty ataonareo.

3 Fa noho ny asa maty ataonareo no efa nampanorenako ho Ahy ity fanekempihavanana farany ity sy ity fiangonana ity, tahaka ny tamin' ny andro fahiny.

4 Koa midira amin' ny ^avavahady ianareo, toy izay efa nandidiako anareo, ary aza ^bmikatsaka ny hanoro hevitra an' Andriamanitrareo. Amena

FIZARANA 23

Fanambarana nomena an' i Oliver Cowdery, i Hyrum Smith, i Samuel H. Smith, i Joseph Smith rainy ary i Joseph Knight rainy tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Manchester, New York, ny volana Aprily 1830 (History of the Church, 1:80). Nanontany ny Tompo ny Mpaminany ka nandray ity fanambarana ity ho setrin' ny faniriana nivaivay nananan' ireo olona dimy voalaza anarana ireo mba hahafantatra ny andraikiny ny tsirairay avy.

1–7, *Nantsoina hitory, hanentana ary hampahery ny Fiangonana ireo mpianatra voalohany ireo.*

INDRO, milaza teny vitsivitsy aminao Aho ry Oliver. Indro, notahina ianao ary tsy eo ambany fanamelohana. Saingy tandremo ny ^afiavonavonana, fandrao hiditra ao amin' ny ^bfakampanahy ianao.

2 Ampahafantaro ny fiangonana ary koa eo anoloan' izao tontolo izao ny antso anananao, dia hovohana ny fonao hitory ny fahamarinana hatramin' izao ka ho mandrakizay. Amena.

3 Indro, milaza teny vitsivitsy aminao Aho ry Hyrum; fa ianao koa dia tsy eo ambany fanamelohana, ary sokafana ny fonao sy vahana ny lelanao ka ny

22 1a Heb. 8:13;
3 Ne. 12:46–47.
b F&F 66:2.
TSM Fanekempihavanana; Fanekempihavanana Vaovao sy

Maharitra
Mandrakizay.
2a Gal. 2:16.
TSM Lalàn' i Mosesy.
b Môrô. 8:23–26.
4a Mat. 7:13–14; Lio. 13:24;

2 Ne. 9:41; 31:9, 17–18;
3 Ne. 14:13–14.
TSM Batisa.
b Jakôba 4:10.
23 1a TSM Fiavonavonana.
b TSM Fakampanahy.

antso anananao dia ny fanentanana sy ny “fampaherezana lalandava ny fiangonana. Koa ny andraikitrao dia ho amin’ ny fiangonana mandrakizay, ary izany dia noho ny fianakavianao. Amena.

4 Indro, milaza teny vitsivitsy aminao Aho ry “Samuel; fa ianao koa dia tsy eo ambany fanamelohana, ary ny antso anananao dia ny fanentanana sy ny fampaherezana ny fiangonana; ary ianao dia tsy mbola antsoina hitory eo anoloan’ izao tontolo izao. Amena.

5 Indro, milaza teny vitsivitsy aminao Aho ry Joseph; fa ianao koa dia tsy eo ambany fanamelohana, ary ny antso anananao dia ny fanentanana sy ny fampaherezana ny fiangonana;

ary izany no andraikitrao hatramin’ izao ka ho mandrakizay. Amena.

6 Indro, maneho ny tenako aminao amin’ ny alalan’ ireto teny ireto Aho ry Joseph Knight, fa tsy maintsy mitondra ny “hazofijalianao ianao, ka amin’ izany dia tsy maintsy ^bmivavaka ^damim-peo avo eo anoloan’ izao tontolo izao, ary koa any amin’ ny miafina ianao, ary eo amin’ ny fianakavianao sy eo anivon’ ny namanao ary amin’ ny toerana rehetra.

7 Ary indro, andraikitrao ny “mikambana amin’ ny fiangonana marina ary ny manome ny teninao ho fanentanana lalandava, mba hahazoanao mandray ny valisoan’ ny mpiasa. Amena.

FIZARANA 24

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Oliver Cowdery tao Harmony Pennsylvania, ny volana Jolay 1830 (History of the Church, 1:101–103). Na dia vao efa-bolana latsaka aza no lasana hatramin’ ny nanorenana ny Fiangonana, dia nanjary nihamafy ny fanenjehana ary voatery nitsimbina ny ainy tamin’ ny fitokana-monina tsindraindray ireo mpitondra. Ireto fanambarana telo manaraka ireto dia nomena tamin’ izay fotoana izay mba hanatanjahana, hampaherezana, ary hampianarana azy ireo.

1–9, Nantsoina mba handika teny, hitory ary hamelabelatra ny sora-tramaina i Joseph Smith; 10–12, Nantsoina mba hitory ny filazantsara i Oliver Cowdery; 13–19, Nambara ny lalàna mikasika ny fahagagana, ny fanozonana, ny

fanintsanana ny vovoka amin’ ny faladia ary ny fandehanana tsy miaraka amin’ ny kitapom-bola na kitapom-batsy.

INDRO, nantsoina sy nofinidy ianao hanoratra ny Bokin’

3a F&F 81:4–5; 108:7.

4a JS—T 1:4.

6a Mat. 10:38;

3 Ne. 12:30.

b F&F 20:47, 51.

d TSM Vavaka.

7a TSM Batisa—Tsy maintsy atao.

i Môrmôna sy ho amin' ny asa fanompoana Ahy; ary efa nanaovotra anao hiala tao amin' ny fijalianao Aho sady efa nanoro hevitra anao, ka dia nafahana tamin' ny fahavalonao rehetra ianao sady nafahana tamin' ny herin' i Satana sy tamin' ny haizina!

2 Kanefa tsy afa-tsiny ianao tamin' ny "fandikan-dalàna nataonao; kanefa mandehana ary aza manota intsony.

3 "Andriano ny anjara fanompoana; ary rehefa avy namafy ny tanimbolinao sy niaro izany ianao dia mandehana faingana mankany amin' ny fiangonana izay ao ^bColesville sy Fayette ary Manchester, ary ^dhanohana anao ireo; ary hotahiako ireo na ara-panahy izany na ara-batana;

4 Fa raha tsy mandray anao ireo, dia halefako aminy ny ozona ho solon' ny fitahiana.

5 Ary hotohizanao ny fiantsoana an' Andriamanitra amin' ny anarako sy ny fanoratana ny zavatra izay homen' ny "Mpampionona anao ary ny famelabelarana ny soratra masina rehetra amin' ny fiangonana.

6 Ary homena anao izany amin' ny fotoana "hitenenananao sy hanoratanao indrindra, ary hihaino izany izy ireo, fa raha tsy izany dia halefako aminy ny ozona ho solon' ny fitahiana.

7 Fa hatokanao ho an' i Ziona

ny "fanompoanao rehetra; ary amin' izany dia hahazo tanjaka ianao.

8 "Mahareta amin' ny ^bfahoriana, fa ho tojo maro ianao; nefa ^diareto ireny fa indro, Izaho momba anao hatrany amin' ny "faran' ny andronao.

9 Ary amin' ny anjara fanompoana ho an' izao fiainana izao, dia tsy hatanjaka ianao, satria tsy izany no antso anananao. Ilofosa ny "antso anananao dia ho azonao izay ilainao hanandrianana ny asa fanompoana sy hamelabelarana ny soratra masina rehetra ary hanohizana ny fametrahana-tanana sy ny fandraisana ho mpikambana ao amin' ny fiangonana.

10 Ary i Oliver rahalahinao dia hanohy ny fitondrana ny anarako eo anoloan' izao tontolo izao, ary koa amin' ny fiangonana. Ary tsy tokony hihevitra izy fa afaka milaza ny ampy ho an' ny foto-kevitra; ary indro, Izaho momba azy hatramin' ny farany.

11 Ato Amiko no hananany voninahitra fa tsy noho ny tenany, na ao amin' ny fahalemena na ao amin' ny tanjaka, na ao amin' ny fatorana na ao amin' ny fahafahana;

12 Ary amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny toerana rehetra dia hanokatra ny vavany izy ary "hanambara ny filazantsarako

24 2a F&F 1:31-32.

3a Jakôba 1:19; 2:2.

b F&F 26:1; 37:2.

d F&F 70:12.

5a TSM Mpampionona.

6a Eks. 4:12;

Mat. 10:19-20;

Lio. 12:11-12;

Hel. 5:18-19;

F&F 84:85; 100:5-8;

Mos. 6:32.

7a TSM Fanompoana.

8a TSM Faharetana.

b TSM Fahoriana.

d TSM Maharitra.

e Mat. 28:20.

9a TSM Fitantanandrahara.

12a TSM Mitory.

toy ny amin' ny feon' ny ^btrompetra na andro na alina. Ary homeko tanjaka izy, toy izay mbola tsy fahita eo anivon' ny olombelona.

13 Aza mangataka “fahagagana raha tsy ^bdidiako ianareo, afa-tsy ho ^dfandroahana ny ^edevoly hiala, ho ^ffanasitranana ny marary ary ho fanoherana ny ^gpoizin' ny menarana sy ho fanoherana ny poizina mahafaty.

14 Ary “ireo zavatra ireo dia aza ataonareo raha tsy angatahin' ireo izay maniry izany aminareo, mba hahatanteraka ny soratra masina; fa ianareo dia hanao araka izay voasoratra.

15 Ary na aiza na aiza toerana “hidiranareo, ka tsy mampan-droso anareo amin' ny anarako izy ireo dia havelanareo ny ozo-na ho solon' ny fitahiana amin' ny fanintsanana ny ^bvovoka hiala amin' ny tongotrareo ho va-volombelona miampanga azy,

ary amin' ny fanadiovana ny tongotrareo eo amoron-dalana.

16 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no hikasi-tanana anareo hanao herisetra, dia hodidianareo ny hamelezana azy amin' ny anarako; ary indro, Izaho hamely azy araka ny teninareo amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

17 Ary na zovy na zovy no hitondra anao eo anoloan' ny lalàna dia ho voaozon' ny lalàna.

18 Ary ianao dia tsy hitondra “kitapom-bola, na kitapom-batsy, na tehina, na akanjo roa, fa ny fiangonana no hanome anao amin' ny ora indrindra izay ilanao hanina sy akanjo, ary kiraro sy vola, ary kitapom-batsy.

19 Fa voantso ianao “handran-tsana ny tanimboliko amin' ny fandrantanana mahery, eny, dia izao farany izao; eny, ary koa ireo rehetra izay efa ^bnatokanao, ary izy ireo dia hanao araka ity toromarika ity. Amena.

FIZARANA 25

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony Pennsylvania ny volana Jolay 1830 (History of the Church, 1:103–104). (Jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 24). Maneho ny sitrapon' ny Tompo ho an' i Emma Smith, vadin' ny Mpaminany, ity fanambarana ity.

1–6, Emma Smith, izay vehivavy nofinidy, dia nantsoina hanampy

sy hampahery ny vadiny; 7–11, Nantsoina koa izy hanoratra, ha-

12b F&F 34:6.

13a tsm Fahagagana; Famantarana.

b 1 Ne. 17:50.

d Mar. 16:17.

e tsm Fanahy—Fanahy ratsy.

f tsm Manasitrana.

g Asa 28:3–9;

F&F 84:71–72; 124:98–99.

14a tsm Fitsofan-drano ny Marary.

15a Mat. 10:11–15.

b Mar. 6:11;

Lio. 10:11;

F&F 60:15; 75:19–22; 99:4–5.

18a Mat. 10:9–10;

Lio. 10:4;

F&F 84:78–79.

19a Jakôba 5:61–74;

F&F 39:17; 71:4.

b tsm Manokana.

melabelatra ny soratra masina ary hifantina ireo hira; 12–14, Vavaka atao amin' ny Tompo ny hiran' ny olo-marina; 15–16, Azo ampihariana amin' ny rehetra ireo fitsipiky ny fankatoavana ato anatin' ity fanambarana ity.

HENOY ny feon' ny tompo Andriamanitrao, raha mbo-la miteny aminao Aho ry Emma Smith zanako vavy; fa lazai-ko aminao marina tokoa, ireo rehetra izay “mandray ny filazantsarako dia zanako lahy sy zanako vavy ao amin' ny ^bfanjakako.

2 Fanambarana iray no omeko anao momba ny sitrapoko; ary raha mahatoky sy “mandeha amin' ny lalan' ny ^bhatsarantoetra eo anoloako ianao, dia harovako ny ainao, ary handray ^alova ao Ziona ianao.

3 Indro, voavela ny “fahotanao, ary ianao dia vehivavy nofinidy izay efa ^bnantsoiko.

4 Aza mimonomonona noho ireo zavatra izay tsy hitanao, satria notanana tsy ho hitanao sy tsy ho hitan' izao tontolo izao ireny, izay fahendrena ato Amiko ho amin' ny fotoana ho avy.

5 Ary ny anjara fanompoana amin' ny antso anananao dia

ny “mampahery an' i Joseph Smith zanany mpanompoko sady vadinao amin' ny fahoriany, amin' ny teny fankaherezana, amin' ny fanahin' ny fahamorana.

6 Ary ianao dia handeha hiaraka aminy amin' ny fotoana handehanany, ary ho mpitan-tsoratra ho azy ianao raha mbo-la tsy misy mpitan-tsoratra ho azy, mba hahazoako mandefa an' i Oliver Cowdery mpanompoko, na aiza na aiza sitrako.

7 Ary ianao dia “hatokana amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana mba hamelabelatra ny soratra masina sy hanentana ny fiangonana araka izay homen' ny Fanahiko anao.

8 Fa “hametra-tanana aminao izy, dia horaisinao ny Fanahy Masina, ary ianao dia handany ny fotoanao amin' ny fanoratanana sy ny fianarana betsaka.

9 Ary tsy tokony hatahotra ianao, satria hanohana anao ao amin' ny fiangonana ny vadinao; fa ho azy ireo ny “antso ananany, mba hahazoana ^bmanambara amin' izy ireo ny zava-drehetra, na inona na inona sitrako araka ny finoan' izy ireo.

10 Ary lazaiko aminao marina tokoa fa hahafoy ny “zavatr'

25 1a Jao. 1:12.

TSM Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra.

^b TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.

2a TSM Mandeha, Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.

bTSM

Hatsaran-toetra.

d F&F 52:42; 64:30;

101:18.

TSM Ziona.

3a Mat. 9:2.

^b TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

5a TSM Fangorahana.

7a NA manokana.

TSM Atokana.

8a TSM Fametrahan-tanana.

9a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra; Mpaminany.

^b TSM Faminaniana; Fanambarana.

10a TSM Mitsiriritra; Harena.

^bizao tontolo izao ianao ary ^ahi-katsaka ny zavatra ny tontolo tsara kokoa.

11 Ary homena anao koa, izay zavatra ankasitrahako, ny hifantina araka izay hanentanan' ny Fanahy anao ireo ^ahira masina mba hatao ao amin' ny fiangonako.

12 Fa finaritra amin' ny ^ahiran' ny ^bfo ny fanahiko; eny, ny hiran' ny marina dia vavaka ho Ahy ary hovaliana amin' ny fitahiana eo ambony lohany izany.

13 Koa asandrato ny fonao ary mifalia sy mifikira amin' ny fanekepiahavanana izay efa nataonao.

14 Mitozoa ao amin' ny fanahin' ny ^afahamorana ary mitandrema amin' ny ^bavonavona. Aoka ny fanahinao ho finaritra amin' ny vadinao sy amin' ny voninahitra izay ho tonga aminy.

15 Tandremo lalandava ny didiko dia handray ny ^asatroboninahitry ny ^bfahamarinana ianao. Ary raha tsy manao izany ianao dia ^atsy afaka mankany amin' izay misy Ahy.

16 Ary lazaiko aminao marina dia marina tokoa, izao no ^afeoko ho an' ny rehetra. Amena.

FIZARANA 26

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany, i Oliver Cowdery ary i John Whitmer tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Jolay 1830 (History of the Church, 1:104). (Jereo ny sasin-tenin' ny fizarana 24).

1, Nodidiana izy ireo handinika sy hitory ny soratra masina; 2, Nambara ny lalàn' ny faneken' ny rehetra.

INDRO, lazaiko aminareo fa itsy maintsy atokanareo ny fotoanareo ^ahandinihina ny soratra masina sy hitoriana ary hampaherezana ny fiangonana ao ^bColesville sy hanatontosana ny lahasanareo amin' ny tany

araka izay ilaina mandra-pandehananareo miankandrefana mba hanao ny fihonambe manaraka; ary amin' izay dia hampahafantarina anareo izay hataonareo.

2 Ary ny zavatra rehetra ao amin' ny fiangonana dia hotontosaina amin' ny ^afaneken' ny rehetra, amin' ny vavaka sy ny finoana betsaka, fa ny zavatra rehetra dia horaisinareo amin' ny finoana. Amena.

10b TSM Rehak' Izao
Tontolo Izao.

d Etera 12:4.

11a TSM Hiram-piderana.

12a 1 Tan. 16:9.

TSM Mihira.

b TSM Fo.

14a TSM Halemem-

panahy.

b TSM Fiavonavonana.

15a TSM Satroboninahitra;

Fisandratana.

b TSM Fahamarinana.

d Jao. 7:34.

16a F&F 1:38.

26 1a TSM Soratra

Masina—Ny
hasarobidin' ny
Soratra Masina.

b F&F 24:3; 37:2.

2a 1 Sam. 8:7;

Môsià 29:26.

TSM Faneken' ny

Rehetra.

FIZARANA 27

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Harmony, Pennsylvania, ny volana Aogositra 1830 (History of the Church, 1:106–108). Ho fanomanana ny fanompoam-pivavahana izay handrosoana ny mofo sy ny divay dia nandeha nivoaka i Joseph haka divay. Notsenain' ny iraka iray avy any an-danitra izy ary nandray ity fanambarana ity izay ny ampahany no voasoratra tamin' io fotoana io ary ny ambiny tamin' ny volana Septambra nanaraka. Rano ankehitriny no ampiasaina amin' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo ao amin' ny Fiangonana ho solon' ny divay.

1–4, Hazavaina ireo marika ampiasaina amin' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo; 5–14, Handray ny fanasan' ny Tompo i Kristy sy ireo mpanompony avy amin' ny fotoampitantanana rehetra; 15–18, Itafio avokoa ny fiarovana-tena avy amin' Andriamanitra.

HENOY ny tenin' i Jesoa Kristy Tomponao, Andriamanitrao ary Mpanavotra anao, izay “mailaka sy mahery ny teniny.

2 Fa indro, lazaiko aminao, tsy mampaninona izay hohaninareo na izay hosotroinareo rehefa mandray ny “fanasan' ny Tompo ianareo, raha toa ka ataonareo amin' ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny ^bvoninahitro izany — sady mahatsiaro eo anoloan' ny Ray ny vatako izay efa napetraka ho anareo sy ny ^drako izay efa nalatsaka ho ^efamelana ny fahotananareo.

3 Koa didy no omeko anareo mba tsy hividiananareo divay

na zava-pisotro mahery amin' ny fahavalonareo;

4 Koa tsy hisotro amin' izany ianareo raha tsy hoe divay vao-vao izay natao teo anivonareo izany; eny, eo amin' ity fanjakan' ny Raiko ity, izay haorina eto an-tany.

5 Indro, izany dia fahendrena ato amiko; koa aza gaga fa avy ny ora izay “hisotroako ny vokatry ny voaloboka miaraka aminao sy miaraka amin' i ^bMôrônia izay efa nalefako ho any aminao mba hanambara ny Bokin' i Môrmôna, izay mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsarako maharitra mandrakizay, izay izy no efa notolorako ny fanalahidin' ny rakitsoratra ny ^dtapakazon' i Efraima;

6 Ary koa miaraka amin' i “Elià izay efa notolorako ny fanalahidin' ny fanatontosana ny famerenana amin' ny laoniny ny zava-drehetra nolazain' ny vavan' ny mpaminany masina rehetra, hatramin' ny niando-

27 1a Hel. 3:29; F&F 6:2.

2a TSM Fanasan' ny Tompo.

b TSM Voninahitra.

d TSM Ra.

e TSM Famelana ny Fahotana.

5a Mat. 26:29;

Mar. 14:25; Lio. 22:18.

b JS—T 1:30–34.

d Ezek. 37:16.

TSM Efraima—Ny tapa-kazon' i Efraima na Josefa.

6a TSM Elià.

han' izao tontolo izao, momba ny andro farany;

7 Ary koa i Jaona, zanakalahin' i Zakaria, dia i Zakaria izay izy ("i Elià) no namangy sy nanome fampanantenana azy, fa ho teradahy izy ary ny anarany dia hatao hoe ^bJaona, ary ho feno ny fanahin' i Elià izy;

8 Dia i Jaona izay efa nirahiko tany aminareo ry mpanompo-ko isany, Joseph Smith zanany sy Oliver Cowdery mba hanokana ho anareo amin' ny "fisoronana voalohany izay noraisinareo, mba ho azo antsoina sy ^batokana toa an' i "Aharôna ianareo;

9 Ary koa i "Elia izay efa notolorako ny fanalahidin' ny hery ^bhampitodika ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny fon' ny ray, mba tsy hahazoana mamely ny tany amin' ny ozona;

10 Ary koa i Josefa sy i Jakoba, ary i Isaka sy i Abrahama razanareo, izay amin' ny alalany no aharetan' ny "fampanantenana;

11 Ary koa miaraka amin' i Mikaela na i "Adama, ilay rain' ny rehetra, ilay printsin' ny rehetra, ilay fahagolan' ny andro;

12 Ary koa miaraka amin' i

Petera sy i Jakoba ary i Jaona, izay efa nirahiko tany aminareo, tamin' ny alalany no efa "nankanako anareo sy nandraisako anareo ho ^bapostoly ary ho "va-
volombelona manokana amin' ny anarako sy hitondra ny fanalahidin' ny asa fanompoanareo ary ny an' ireo zavatra izay mitovy ihany amin' izay nambarako azy ireo;

13 Izay "notolorako ny ^bfanalahidin' ny fanjakako sy ny ^dfotoampitantanan' ny "filazantsara ho an' ny ^fandro farany; ary ho an' ny ^sfotoam-pahafenoana, izay mandritra izany no hanangonako miaraka ny zavatra rehetra ho ^ttokana, na izay any an-danitra na izay etỳ an-tany;

14 Ary koa miaraka amin' ireo rehetra izay efa "nomen' ny Ray Ahy avy tamin' izao tontolo izao.

15 Koa asandrato ny fonareo ka mifalia, ary sikino ny valahanareo ary itafio avokoa ny "fiarovana-tena avy Amiko, mba hahatantesanareo ny andro mahory, mba ^bhahatohitra ianareo rehefa avy nanao ny zava-drehetra.

16 Koa mifahara, "sikino ^bfahamarinana ny valahanareo

7a Lio. 1:17-19.

^b Lio. 1:13;
F&F 84:27-28.

8a F&F 13:1.

TSM Fisoronana
Aharôna.

^b TSM Manokana.

^d Eks. 28:1-3, 41;
F&F 107:13.

9a 1 Mpan. 17:1-22;

2 Mpan. 1-2;
F&F 2:1-3; 110:13-16;

JS—T 1:38-39.
TSM Elia; Tetiarana.

^b TSM Tetiarana.

10a TSM Fanekepiahavanan' i Abrahama.

11a TSM Adama.

12a JS—T 1:72.

TSM Fisoronana
Melkizedeka.

^b TSM Apostoly.
^d Asa 1:8.

13a Mat. 16:19.

^b TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.

^d TSM Fotoampitantanana.

^e TSM Filazantsara.

^f Jakôba 5:71;
F&F 43:28-30.

^g Ef. 1:9-10;

F&F 112:30; 124:41.

^h F&F 84:100.

14a Jao. 6:37; 17:9, 11;

3 Ne. 15:24;
F&F 50:41-42; 84:63.

15a Roma. 13:12;

Ef. 6:11-18.
^b Mal. 3:2; F&F 87:8.

16a Isa. 11:5.

^b TSM Fahamarinana.

miaraka amin' ny ^arariny ho ^esaron-tratra, ary akiraroy ny tongotrareo ny fanomanana ny filazantsaran' ny ^ffiadanana, izay efa nanirahako ny ^ganjeliko mba hatolotra anareo;

17 Raiso ny ampingan' ny finoana, izay hahazoanareo mamono ny ^azana-tsipika mirehitra alefan' ilay ratsy;

18 Ary raiso ny satro-bin' ny

famonjena sy ny sabatry ny Fanahiko, izay halatsako aminareo, ary ny teniko izay ambarako aminareo, ary mifanarahà amin' ny zavatra rehe-tra angatahinareo Amiko, ka aoka ho mahatoky ianareo mandra-piaviko dia ^ahakarina ianareo ka any amin' izay misy Ahy no hisy anareo ^bkoa. Amena.

FIZARANA 28

Fanambarana nomena an' i Oliver Cowdery tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny volana Septambra 1830 (History of the Church, 1:109–111). Nanana vato iray i Hiram Page izay mpikambana tao amin' ny Fiangonana ary nihambo ho nahazo fanambarana tamin' ny alalan' izany momba ny fananganana an' i Ziona sy ny fandaminana ny Fiangonana izy. Voafitak' izany filazana izany ny mpikambana maro, ary na dia i Oliver Cowdery aza dia voataonan' izany filazana diso izany. Taloha kelin' ny fihaonambe, dia nanontany ny Tompo tamin-kafanam-po momba ilay raharaha ny Mpaminany ka nahazo izao fanambarana manaraka izao.

1–7, Nihazona ny fanalahidin' ireo mistery i Joseph Smith, ary izy irery ihany no mandray fanambarana ho an' ny Fiangonana; 8–10, Tokony hitory amin' ny Lamanita i Oliver Cowdery; 11–16, Nofitahin' i Satana i Hiram Page ka nomeny fanambarana diso.

INDRO, lazaiko aminao ry ^aOliver fa homen-dalana ianao ny ho ren' ny fiangonana na amin' inona na amin' inona ^bhampianarinao azy amin' ny

alalan' ny ^aMpampionona momba ireo fanambarana sy didy izay efa nomeko.

2 Nefa indro, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, ^atsy misy olona hotendrena mba mandray ireo didy sy fanambarana ao amin' ity fiangonana ity afa-tsy i ^bJoseph Smith zana-ny mpanompoko, fa mandray ireny tahaka an' i Mosesy izy.

3 Ary ho mpankatò tahaka an' i ^aAharôna ianao, amin' ny zavatra izay homeko azy, mba

16d Isa. 59:17.

^e TSM Fahamarinana.

^f 2 Ne. 19:6.

^g F&F 128:19–21.

17a 1 Ne. 15:24; F&F 3:8.

18a 1 Ne. 13:37; F&F 17:8.

^b Jaco. 14:3.

28 1a F&F 20:3.

^b TSM Mampianatra—Mampianatra miaraka amin' ny Fanahy.

^d TSM Mpampionona.

2a F&F 35:17–18; 43:4.

^b 2 Ne. 3:14–20.

TSM Smith, Joseph, zanany

3a TSM Aharôna, Rahalahin' i Mosesy.

hilaza ireo didy sy fanambarana amin' ny fiangonana amimpahamarinana miaraka amin' ny hery sy ny ^bfahefana.

4 Ary raha tarihin' ny Mpam-pionona ianao na amin' ny fotoana inona na amin' ny fotoana inona mba "hiteny na hampianatra, na mba handidy ny fiangonana amin' ny fotoana rehe-tra, dia azonao atao izany.

5 Saingy tsy hanoratra amin' ny alalan' ny fandidiana anao ianao, fa hanoratra araka ny fahendrena;

6 Ary tsy handidy izay filohan-ao sy filohan' ny fiangonana ianao;

7 Fa efa nomeko azy ny "fanalahidin' ny ^bmystery sy ny fanambarana izay nofehezina, mandrapanendriko iray hafa ho azy ireo ho eo amin' ny toerany.

8 Ary ankehitriny indro, lazai-ko aminao fa handeha ho any amin' ny "Lamanita ianao ary hitory ny ^bfilazantsarako aminy; ary raha mandray ny fampianaranao izy, dia haorinao eo anivony ny fiangonako; ary hahazo fanambarana ianao, saingy aza soratana amin' ny alalan' ny fandidiana izany.

9 Ary ankehitriny indro, lazai-ko anao fa tsy nambara izany ary tsy misy olona mahafantatra izay toerana hanorenana ny "tanàna ^bZiona, fa homena rahatri-

zay izany. Indro lazaiko aminao fa ho eo amin' ny sisin-tany akaikin' ny Lamanita izany.

10 Tsy handao ity toerana ity ianao raha tsy aorian' ny fihao-nambe; ary hotendren' ny feon' izany fihaonambe izany i Joseph mpanompoko mba hitarika ny fivoriana, ary izay lazainy anao no hoteneninao.

11 Ary ankoatra izany, dia haka an' i Hiram Page rahalahinao ianao, "mitokàna ianao sy izy ka lazao azy fa ireo zavatra izay efa nosoratany avy amin' ilay vato ireo dia tsy avy Amiko, ary ^bmamitaka azy i "Satana;

12 Fa indro, tsy notendrena ho azy ireto zavatra ireto sady tsy hisy na iza na iza hotendrena ho amin' ny zavatra izay mifanohitra amin' ny fanekepimihavanan' ny fiangonana.

13 Fa ny zava-drehetra dia tsy maintsy atao amim-pilaminana sy amin' ny "faneken' ny rehetra ao amin' ny fiangonana, amin' ny fivavaky ny finoana.

14 Ary hanampy amin' ny famahana ireo zavatra rehetra ireo ianao, araka ny fanekepimihavanan' ny fiangonana, mialohan' ny handehananao any anivon' ny Lamanita.

15 Ary "homena anao hatramin' ny fotoana handehananao ka hatramin' ny fotoana hiverenanao, izay hataonao.

16 Ary tsy maintsy manokatra

3b TSM Fahefana.

4a Eks. 4:12-16;

F&F 24:5-6.

7a F&F 64:5; 84:19.

b TSM Misterin' Andriamanitra.

8a 2 Ne. 3:18-22;

F&F 30:5-6; 32:1-3.

b F&F 3:19-20.

9a F&F 57:1-3.

b F&F 52:42-43.
TSM Ziona.

11a Mat. 18:15.

b F&F 43:5-7.

d Fan. 20:10.

13a TSM Faneken' ny Rehetra.

15a 2 Ne. 32:3, 5.

ny vavanao ianao amin' ny fo-
toana rehetra, ka manambara ny

filazantsarako amin' ny feom-
pifaliana. Amena.

FIZARANA 29

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany teo anatrehan' ny loholona enina tao Fayette, New york, ny volana Septambra 1830 (History of the Church, 1:111-115). Ity fanambarana ity dia nomena andro vitsivitsy talohan' ny fihaonambe izay nanomboka ny 26 Septambra 1830.

1-8, Manangona ny olom-boafidi-
ny i Kristy; 9-11, Mampiditra ny
arivotaona ny fiaviany; 12-13,
Hitsara an' i Isiraely rehetra ny
Roambinifololahy; 14-21, Hialoha
lalana ny Fiaviany Fanindroany
ny famantarana, ny areti-mandrin-
gana ary ny fandravana; 22-28,
Handimby ny Arivotaona ny fi-
tsanganana amin' ny maty sy ny
fitsarana farany; 29-35, Ara-pa-
nahy ny zava-drehetra ho an' ny
Tomo; 36-39, Noroahina hiala
avy tany an-danitra ny devoly
sy ny miaramilany mba haka fana-
hy ny olona; 40-45, Nitondra fa-
monjena ny Fahalavoana sy ny
Sorompanavotana; 46-50, Voavon-
jy amin' ny alalan' ny Sorompa-
navotana ny zaza.

HENOY ny feon' i Jesoa
Kristy Mpanavotra anao,
ilay "Izy AHO, lehibe, izay efa
"nanonitra ho an' ny fahotana-
reo ny sandrin' ny "famin-
dram-pony;

2 Izay "hanangona ny vahoaka-
ny toy ny reniakoho manangona

ny zanany eo ambanin' ny
elany, dia ireo rehetra izay
hihaino ny feoko sy "hanetry
ny tenany eo anoloako ary
hiantso Ahy amin' ny fahereza-
na mivavaka.

3 Indro, lazaiko aminareo
marina dia marina tokoa fa
"voavela ny fahotana-reo amin'
izao fotoana izao, noho izany
dia mandray ireto zavatra ireto
ianareo; saingy tsarovy ny tsy
hanota intsony, fandrao ho avy
aminareo ny loza.

4 Lazaiko aminareo marina to-
koa fa voafidy avy tamin' izao
tontolo izao ianareo mba ha-
nambara ny filazantsarako
amin' ny feom-pifaliana, tahaka
ny amin' ny "feon' ny trompetra.

5 Asandrato ny fonareo, ary
mifalia fa eo "afovoanareo Aho,
ary Izaho no "mpisolovavana-
reo amin' ny Ray; ary efa sitra-
pony ny hanome anareo ny
"fanjakana.

6 Ary araka ny voasoratra
hoe—Na inona na inona "han-
gatahinareo amin' ny "finoana,

29 1a TSM IZY AHO.
b TSM Sorompanavo-
tana.
d TSM Famin-dram-po.
2a Mat. 23:37;
3 Ne. 10:4-6.

b TSM Fanetren-tena.
3a TSM Mamela.
4a Almà 29:1-2;
F&F 19:37; 30:9.
5a Mat. 18:20; F&F 6:32;
38:7; 88:62-63.

b TSM Mpisolovava.
d TSM Fanjakan'
Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.
6a Mat. 21:22; Jao. 14:13.
b Mar. 11:24.

amin' ny ^dfiombonam-bavaka araka ny didiko, dia ho azona-reo izany.

7 Ary antsoina ianareo mba hanatanteraka ny ^afanangonana ny ^bolom-boafidiko; fa ny olom-boafidiko dia ^dmihaino ny feoko ary tsy manamafy ny ^efony;

8 Koa efa navoaka ny didy avy amin' ny Ray, fa ^ahangonina ho amin' ny toerana iray eo ambonin' ity tany ity izy ireo, mba ^bhanomanana ny fony sy hiomana ho amin' ny zava-drehetra, ho fiatrehana ny andro izay andefasana ny ^dfahoriana sy ny fandravana amin' ny olon-dratsy.

9 Fa efa akaiky ny ora ary efa antomotra ny andro izay mahamasaka ny tany; ary ny ^ampirehareha rehetra sy ireo izay manao ratsy dia ho toy ny ^bvodivary; ary ^dhodorako holevona ireo, hoy ny Tompon' ny Maro, mba tsy hisy faharatsiana eto ambonin' ny tany;

10 Fa efa akaiky ny ora, ary izay efa ^anotenenin' ny apostoliko dia tsy maintsy tanteraka fa araka izay nolazainy no hatanteraka izany;

11 Fa haneho ny tenako avy any an-danitra amin' ny hery sy ny voninahi-dehibe Aho, miaraka amin' ny ^amiaramilany rehetra, ka hitoetra ^bamim-pahamarinana miaraka amin' ny olona eto an-tany ^darivo taona, ary ny olon-dratsy tsy hahatanty.

12 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ary efa navoaka ho didy hentitra izao, noho ny sitrapon' ny Ray, fa ny ^aapostoliko, ny Roambinifololahy izay niaraka tamiko tamin' ny asa fanompoako tao Jerosalema, dia hijoro eo an-tanana ankavana-ko amin' ny andro fiaviako ao amin' ny andry ^bafo, miakanjo ny akanjon' ny fahamarinana, misatroka diadema, ao amin' ny ^dvoninahitra toa Ahy, mba ^ehitsara ny mpianakavin' i Isiraely iray manontolo, dia izay rehetra efa tia Ahy sy nitandrina ny didiko, fa tsy olon-kafa.

13 Fa haneno maharitra sady mafy ny ^atrompetra, dia toy ny teo an-Tendrombohitra Sinay, ary hihorohoro ny tany manontolo, ary ^bhivoaka izy ireo—eny, dia ireo ^dnodimandry izay nodi-

6d 3 Ne. 27:1-2;

F&F 84:1.

7a tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b Mar. 13:20;

F&F 84:34.

tsm Olom-boafidy.

d Almà 5:37-41.

e tsm Fo.

8a F&F 45:64-66; 57:1.

b F&F 58:6-9; 78:7.

d F&F 5:19; 43:17-27.

9a 2 Ne. 20:33; 3 Ne. 25:1.

tsm Fiavonavonana.

b Naho. 1:10;

Mal. 4:1;

1 Ne. 22:15, 23;

JS—T 1:37.

d F&F 45:57; 63:34, 54; 64:24; 88:94;

101:23-25; 133:64.

tsm Tany—

Fandiovana ny tany.

10a tsm Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

11a JS—M 1:37.

b tsm Fahamarinana.

d tsm Jesoa Kristy—
Fanjakan' i Kristy

amin' ny Arivotaona;
Arivotaona.

12a tsm Apostoly.

b Isa. 66:15-16;

F&F 130:7; 133:41.

d tsm Voninahitra;

Jesoa Kristy—
Voninahitr' i Jesoa
Kristy.

e Mat. 19:28;

Lio. 22:30; 1 Ne. 12:9;
Mörm. 3:18-19.

13a F&F 43:18; 45:45.

b F&F 76:50.

d F&F 88:97; 133:56.

mandry tao Amiko, mba handray ny ^esatroboninahitry ny fahamarinana sy mba hotafiana ^ftoa Ahy, mba hiaraka Amiko, ka hahatonga anay ho iray.

14 Nefa indro, lazaiko aminareo fa mialohan' ny fahatongavan' izany ^aandro lehibe izany, dia hohamaizinina ny ^bmasoandro, ary ny volana hampodiana ho ra, ary ny kintana hiaraka avy any an-danitra, ary hisy ^dfamantarana lehibe kokoa eny amin' ny lanitra ambony sy etỳ amin' ny tany ambany;

15 Ary hisy fitomaniana sy ^afidradradradrana eo anivon' ny sarambagem-bahoaka;

16 Ary hisy ^ahavandra vaventy halatsaka hanimba ny vokatry ny tany.

17 Ary ny zavatra hitranga noho ny faharatsian' izao tontolo izao dia ^ahamaly faty amin' ny ^bolon-dratsy Aho, satria tsy te hibe-baka izy; satria feno ny kapoaky ny fahavinirako; fa indro, tsy hodiovin' ny ^drako izy raha tsy mihaino Ahy.

18 Koa Izaho Tompo Andriamanitra dia handefa lalitra eny ambonin' ny tany, izay hifikitra amin' ny mponiny sy hihinana

ny nofony ary hahatonga ny olitra hiditra ao aminy;

19 Ary hifatotra ny lelany mba tsy ^ahitenenany manohitra Ahy; ary ny nofony dia hihintsana hiala amin' ny taolany, ary ny masony amin' ny lohany;

20 Ary ny zavatra hitranga dia ny ^abiby an' ala sy ny voromanidin' ny habakabaka no hambosimbosika azy.

21 Ary ilay fiangonana makadiry sy ^amaharikoriko, izay ^bvehivavy janga amin' ny tany manontolo, dia hazeran' ny afo ^dmidedadeda, araka izay voalazan' ny vavan' i Ezekiela mpaminany izay niteny ny amin' ireto zavatra ireto izay tsy mbo-la nitranga saingy ^etsy maintsy mitranga marina tokoa, raha velona koa Aho, satria tsy hanjaka ny fahavetavetana.

22 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa rehefa hifarana ny ^aarivo taona ary hanomboka indray handà an' Andriamaniny ny olona, amin' izany dia tsy hamindra fo amin' ny tany afa-tsy ^bfotoana fohy Aho;

23 Ary ho tonga ny ^afarany, ary ny lanitra sy ny tany ho foana

13e TSM Satroboninahitra;
Fisandratana.

f F&F 76:94–95;
84:35–39.

14a TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

b Joe. 2:10;
JS—M 1:33.

d TSM Famantaran' Ireo Fotoana.

15a Mat. 13:42.

16a Ezek. 38:22;
Fan. 11:19; 16:21.

17a Fan. 16:7–11;

2 Ne. 30:10;
JS—M 1:53–55.

TSM Valifaty.

b TSM Faharatsiana.

d 1 Jn. 1:7;
Almà 11:40–41;
F&F 19:16–18.

19a Zak. 14:12.

20a Isa. 18:6;
Ezek. 39:17;
Fan. 19:17–18.

21a TSM Devoly—Ny
fiangonan' ny devoly.

b Fan. 19:2.

d Joe. 1:19–20; 2:3;
F&F 97:25–26.

TSM Tany—
Fandiovana ny tany.

e F&F 1:38.

22a TSM Arivotaona.

b Fan. 20:3;
F&F 43:30–31;
88:110–111.

23a Mat. 24:14.

TSM Izao Tontolo
Izao—Faran' ny tany.

sy ho ^blevona, ary hisy lanitra vaovao sy ^dtany vaovao.

24 Fa ho “foana ny zavatra trainy, ary ny zava-drehetra dia ho tonga vaovao, dia ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra eo aminy, na ny olona na ny biby, ny voromanidin’ ny habakabaka sy ny hazandranondranomasina;

25 Ary na dia ny “singam-bolo iray aza, na ny zava-bitika, dia tsy hisy ho very, fa asan’ ny tanako izany.

26 Nefa indro, lazaiko aminareo marina tokoa, mialohan’ ny hahafonana ny tany, dia hitsoka ny “trompetrany i ^bMikaela ^darikanjeliko, ary amin’ izay dia ^ehifoha avokoa ireo nodimandry, fa hovohana avokoa ny fasany, ary ^fhivoaka izy ireo—eny, izy rehetra.

27 Ary ny “marina dia hango-nina eo an-tanana ^bankavanako ho amin’ ny fiainana mandrakizay; ary hahamenatra Ahy ny hanana ny ratsy eo an-tanana ankaviako eo anoloan’ ny Ray;

28 Koa hoy Aho aminy—
“Mialà Amiko ianareo voaozona ho any amin’ ny ^bafo maharitra mandrakizay izay voavoatra ho an’ ny ^ddevoly sy ny anjeliny.

29 Ary ankehitriny indro, lazaiko aminareo fa na oviana na

oviana, na tamin’ ny fotoana inona na tamin’ ny fotoana inona, dia tsy nanambara ny vavako fa hiverina izy ireo, fa “izay misy Ahy dia tsy azony aleha satria tsy ananany ny hery.

30 Nefa tsarovy fa tsy omena ny fitsarako rehetra ny olona; ary tahaka ny efa nivoahan’ ny teny ny vavako, dia tahaka izany no hahatanteraka azy, ka ny “voalohany ho farany ary ny farany ho voalohany amin’ izay zavatra rehetra nohariako tamin’ ny herin’ ny teniko, dia ny herin’ ny Fanahiko.

31 Fa tamin’ ny herin’ ny Fanahiko no “nohariako ireo; eny, ny zava-drehetra na ^bara-panahy na ara-nofa—

32 Voalohany “ara-panahy, faharoa ara-nofa, izay fiandohan’ ny asako; ary koa voalohany ara-nofa ary faharoa ara-panahy, izay fiasaran’ ny asako—

33 Miteny izany aminareo Aho mba hahatakaranareo mora foana; saingy ho Ahy ny asako dia sady tsy “manam-pahataperana no tsy manam-piandohana; nefa omena anareo izany mba hahatakaranareo, satria nangataminareo Tamiko izany ary nifanekenareo.

34 Koa lazaiko aminareo marina tokoa fa ho Ahy ny zavatra

23b Mat. 24:35;
JS—M 1:35.

d TSM Tany—Toetra
faran’ ny tany.

24a Fan. 21:1–4.

25a Almà 40:23.

26a 2 Tan. 15:52–55.

b TSM Adama; Mikaela.

d TSM Arianjely.

e TSM Tsy Fahafatesana;

Fitsanganana amin’
ny Maty.

f Jao. 5:28–29.

27a TSM Fahamarinana.

b Mat. 25:33.

TSM Fitsarana Farany,
Ny.

28a Mat. 25:41; F&F 29:41.

b F&F 43:33.

d TSM Devoly.

29a Jao. 7:34;

F&F 76:112.

30a Mat. 19:30;

1 Ne. 13:42.

31a TSM Fahariana.

b Mos. 3:4–5.

32a TSM Fahariana

Ara-panahy.

33a Sal. 111:7–8;

Mos. 1:4.

rehetra dia ara-panahy, ary tsy nisy fotoana nanomezako ho anareo ny lalàna izay ara-nofo; na ho an' ny olona, na ho an' ny zanak' olombelona; na ho an' i Adama rainareo izay nohariako.

35 Indro, nomeko ho azy ny "hisafidy ho an' ny tenany; ary nomeko ho azy ny didy, saingy tsy ara-nofo ny didy nomeko azy, satria ny ^bdidiko dia ara-panahy fa tsy araka ny toe-tena na ny vatana, na ny nofo na ny filana.

36 Ary ny zava-nitranga, noho i Adama nalain' ny devoly fanahy — fa indro talohan' i Adama ny "devoly, fa ^bnikomy Tamiko izy nanao hoe: Omeo ahy ny "voninahitrao, dia ny "heriko, ary ny ^fampahatelon' ny ^smiamilan' ny lanitra koa dia naodiny hiala Tamiko noho ny ^bsafidin' izy ireo;

37 Ary nazera izy ireo ka dia tonga "devoly sy ny ^banjeliny;

38 Ary indro, misy toerana voavoatra ho azy ireo hatrany am-piandohana, izany toerana izany dia ny "helo.

39 Ary tsy maintsy ilaina ny "hakan' ny devoly fanahy ny zanak' olombelona, fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hisafidy

ho an' ny tenany izy ireo; fa raha tsy manana na oviana na oviana ny ^bmangidy izy ireo, dia tsy ho hainy ny hahafantatra ny mamy —

40 Koa ny zava-nitranga dia naka fanahy an' i Adama ny devoly, ary nandray tamin' ny "voankazo voarara izy ka nandika ny didy izay nahatonga azy ho eo ^bambany fifehezan' ny sitrapon' ny devoly, satria nilefitra tamin' ny fakampanahy izy.

41 Koa Izaho Tompo Andriamanitra dia nanao izay "androahana azy hiala ny Saha ^bEdena, avy teo anatrehako, noho ny fandikan-dalàna nataony izay nahatonga ny "fahafatesana arapanahiny, dia ny fahafatesana voalohany, dia ilay fahafatesana izay ny "fahafatesana farany ihany koa, izay ao amin' ny fanahy, izay hotononina amin' ny olon-dratsy rehefa hiteny Aho hoe: Mialà Amiko ianareo ^fvoaozona.

42 Nefa indro, lazaiko aminareo fa Izaho Tompo Andriamanitra dia nanome ho an' i Adama sy ho an' ny taranany ny tsy "hahafatesany, raha ny amin' ny fahafatesam-batana, raha tsy efa nirahiko, Izaho

35a TSM Safidy.

^b TSM Didin' Andriamanitra.

36a F&F 76:25–26;
Mos. 4:1–4.

^b TSM Fivoriana Tany An-danitra.

^d TSM Manaja.

^e Isa. 14:12–14;
F&F 76:28–29.

^f Fan. 12:3–4.

^g F&F 38:1; 45:1.
TSM Fiainana

Talohan' ny Fiainana An-tany.

^h TSM Safidy.

37a TSM Devoly.

^b 2 Pet. 2:4; Joda 1:6;
Mos. 7:26.

TSM Anjely.

38a TSM Helo.

39a Mos. 4:3–4.

TSM Fakam-panahy.

^b Mos. 6:55.

40a Gen. 3:6; Mos. 4:7–13.
^b 2 Ne. 10:24;

Môsà 16:3–5;
Almà 5:41–42.

41a TSM Fahalavaon' i Adama sy i Eva.

^b TSM Edena.

^d TSM Fahafatesana Ara-panahy.

^e Almà 40:26.

^f F&F 29:27–28;
76:31–39.

42a 2 Ne. 2:21.

TSM Fahafatesan' ny Vatana.

Tompo Andriamanitra, ny ^banjely mba hanambara ^dfibebahana sy ^efanavotana aminy amin' ny alalan' ny finoana ny anaran' ny ^fZanako Lahitokana.

43 Ary dia toy izany no nanend्रेko, Izaho Tompo Andriamanitra, ny andron' ny ^afizahan-toetra ho an' ny olona — mba hahazoana, amin' ny alalan' ny fahafatesan' ny nofo, ^bmanangana azy ao amin' ny ^dtsy fahafatesana ho amin' ny ^efiainana mandrakizay, dia izay rehetra hino;

44 Ary ireo izay tsy mino ho amin' ny ^afanamelohana mandrakizay, fa tsy afaka avotana amin' ny fahalavoam-panahiny izy satria tsy mibebaka;

45 Fa tiany ny haizina noho ny hazavana, ary ratsy ny ^aasany ka mandray ny ^bvalin-kasasarany amin' izay tiany hanka-toavina izy.

46 Nefa indro, lazaiko amina-

reo fa ^aavotana amin' ny alalan' ny Lahitokako ny ^bankizy madinika hatry ny fanorenana izao tontolo izao.

47 Koa tsy afaka manota izy ireo fa tsy nomena an' i Satana ny hery ^ahakana fanahy ny ankizy madinika ambara-panombohan' izy ireo ho lasa ^btompon' andraikitra eo anoloako;

48 Fa omena azy ireo araka izay tiako izany, araka ny sitrapoko, mba hahazoana mitaky zava-dehibe amin' ny ^arainy.

49 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no manam-pahalalana, moa tsy efa nodidiako hibebaka va?

50 Ary izay tsy manana ^afahazavan-tsaina, dia andraikitra ny manao araka izay voasoratra. Ary ankehitriny dia tsy hanambara firy aminareo Aho amin' izao fotoana izao. Amena.

FIZARANA 30

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i David Whitmer, i Peter Whitmer zanany, ary i John Whitmer tao Fayette, New York, ny volana Septambra 1830, taorian' ny fihaonambe izay naharitra telo andro tao Fayette saingy talohan' ny niparitahan' ny loholon' ny Fiangonana (History of the Church, 1:115–116). Tany am-piandohana dia navoaka ho fanambarana telo ity lahatsoratra ity; nakamban' ny mpaminany ho fizarana tokana izany ho an' ny fanontana tamin' ny taona 1835 ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana.

42b Almà 12:28–30.
d TSM Fibebahana.
e TSM Fanavotana.
f Mos. 5:6–8.
43a Almà 12:24; 42:10.
b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.
d Mos. 1:39.
TSM Tsy Fahafatesana.
e TSM Fiainana

Mandrakizay.
44a F&F 19:7–12.
TSM Fahamelohana.
45a Jao. 3:18–20;
F&F 93:31–32.
b Môsià 2:32–33;
Almà 3:26–27;
5:41–42; 30:60.
46a F&F 74:7.
TSM Fanavotana.

b Môrô. 8:8, 12;
F&F 93:38.
TSM Zanaka.
47a TSM Fakam-panahy.
b TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.
48a F&F 68:25.
50a F&F 137:7–10.
TSM Fahatakarana.

1-4, *Voalevilevy i David Whitmer noho ny tsy fahavarany nanompo tamin' ny fahazotoana*; 5-8, *Tokony handeha hiaraka amin' i Oliver Cowdery, amin' ny asa fitoriana any amin' ny Lamanita i Peter Whitmer zanany*; 9-11, *Voantso history ny filazantsara i John Whitmer.*

INDRO, lazaiko aminao ry ^aDavid fa ^bnatahotra ny olona ianao ka tsy ^dniantehitra Tamiko araka ny tokony ho nataonao tamin' ny tanjaka.

2 Fa ny sainao dia nirona koa tamin' ny zavatra ny ^atany noho ny tamin' ny zavatra avy Tamiko, Mpanao anao, sy ny asa fanompoana izay efa niantsoana anao; ary tsy nampandry sofina tamin' ny Fanahiko sy tamin' ireo izay napetraka teo amboninao ianao, fa ireo izay tsy nodidiako kosa no nahare-sy lahatra anao.

3 Koa voatery ianao ihany no hanontany Ahy ary ^ahieritreritra ny amin' ny zavatra izay efa noraisinao.

4 Ary ao an-tranon-drainao no honenanao ambara-panomezako anao didy hafa. Ary ianao dia hifofotra amin' ny ^aasa fanompoana ao amin' ny fiangonana sy eo anoloan' izao tontolo izao ary amin' ny faritra manodidina. Amena.

5 Indro, lazaiko aminao ry ^aPeter fa ianao dia ^bhandeha hiaraka amin' i Oliver rahalahinao; fa efa tonga ny ^dfotoana ka ilaina Amiko ny hanokafanao ny vavanao hanambara ny filazantsarako, koa aza matahotra fa ^emampandria sofina amin' ny teniko sy ny torohevitra ny rahalahinao, izay homeny anao.

6 Ary aoka ianao ho ory amin' ny fahoriana rehetra, ka manandratra mandrakariva ny fonao Amiko amin' ny vavaka sy ny finoana ho fanafahana azy sy anao; fa efa nomeko hery izy hanorina ny ^afiangonako eo anivon' ny ^bLamanita.

7 Ary tsy nisy notendreko ho mpanolotsainy eo ^aamboniny momba ny raharaham-piangonana ao amin' ny fiangonana afa-tsy i Joseph Smith zanany rahalahiny.

8 Koa mampandria sofina amin' ireto zavatra ireto ary mazotoa amin' ny fitandremana ny didiko, dia hotahina ianao mba handray ny fiainana mandrakizay. Amena.

9 Indro, lazaiko aminao ry John mpanompoko, fa hatramin' izao fotoana izao, dia hanomboka ^ahistory ny filazantsarako toy ny amin' ny ^bfeon' ny trompetra ianao.

30 1a TSM Whitmer,
David.
b Asa 5:29.
d 2 Tan. 16:7-9.
2a F&F 25:10.
3a TSM Misaintsaina.
4a TSM Fanompoana;
Fanompoana.

5a TSM Whitmer,
Peter, zanany.
b F&F 32:1-3.
d F&F 11:15.
e TSM Torohevitra;
Fanohanana ireo
Mpitondra ny
Fiangonana.

6a TSM Fiangonan' i
Jesoa Kristy ho an'
ny Olomasin' ny
Andro Farany, Ny.
b F&F 3:20; 49:24.
TSM Lamanita.
7a F&F 20:2-3.
9a F&F 15:6.

10 Ary ny asanao dia ho ao amin' i Philip Burroughs rahalahinao; ary amin' io faritra manodidina io, eny, na aiza na aiza mety handrenesana anao ambara-pandidiako anao hiala eo.

11 Ary hatramin' izao dia ho

ao Ziona ny asanao manontolo, amin' ny fanahinao rehetra; eny, hanoka-bava mandrakariva ho an' ny tombontsoako ianao ary tsy "hatahotra izay mety hataon' ny ^bolona, fa ^dmomba anao Aho. Amena.

FIZARANA 31

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Thomas B. Marsh ny volana Septambra 1830 (History of the Church, 1:115–117). Izany dia nitranga avy hatrany taorian' ny fihao-namben' ny Fiangonana (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 30). Natao batisa tany amin' ny fiandohan' io volana io i Thomas B. Marsh ary natokana ho loholon' ny Fiangonana talohan' ny nanomezana ity fanambarana ity.

1–6, Nantsoina mba hitory ny filazantsara i Thomas B. Marsh ary nahazo antoka ny amin' ny fiadanana' ny fianakaviany; 7–13, Nanarina izy mba hanam-paharetana, hivavaka mandrakariva ary hanaraka ny Mpampionona.

RY "Thomas zanako, hota-hina ianao noho ny finoa-nao ny asako.

2 Indro, efa tojo fahoriana maro ianao noho ny fianakavianao; kanefa hitahy anao sy ny fianakavianao Aho; eny, ireo madinikao; ary ho avy ny andro izay hinoany sy hahafantarany ny fahamarinana ka ho iray izy ireo miaraka aminao ao amin' ny fiangonako.

3 Asandrato ny fonao ka mifa-

lia, fa efa tonga ny ora ho an' ny asa fitoriana; ary hovahana ny lelanao ka hitory "vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe amin' ity taranaka ity ianao.

4 "Hotorianao ny zavatra izay efa nambarako an' i Joseph Smith zanany mpanompoko. Hanomboka hitory ianao hatramin' izao fotoana izao, eny, hi-jinja ny eny an-tsaha izay efa ^bmasaka sahady mba hodorana.

5 Koa "arosoy amin' ny fanahinao rehetra ny antsimbilona, ary ^bvoavela ny fahotanao, ary hovesarana ^damboara eo andamosinao fa mendrika ny karamany ny ^empiasa. Koa ho velona ny fianakavianao.

6 Indro, lazaiko aminao marina tokoa, andeha ilaozy mandritra

9b F&F 33:2.
11a TSM Herimpo;
Tahotra.
b Isa. 51:7.
d Mat. 28:19–20.
31 1a TSM Marsh,

Thomas B.
3a Isa. 52:7;
Lio. 2:10–11;
Môsià 3:3–5.
4a Môsià 18:19;
F&F 42:12; 52:36.

b F&F 4:4–6.
5a Fan. 14:15.
b TSM Mamela.
d F&F 79:3.
e Lio. 10:3–11;
F&F 75:24.

ny fotoana fohy monja izy ireo ka torio ny teniko, dia hanomana toerana ho azy ireo Aho.

7 Eny, “hosokafako ny fon’ ny olona dia horaisiny ianao. Ary hanorina fiangonana amin’ ny alalanao Aho;

8 Ary “hampahery azy ianao ka hampiomana azy ho amin’ ny fotoana izay hanangonana azy.

9 “Mahareta amin’ ny ^bfahorianana, aza manevateva ireo izay manevateva. Ento amin’ ny halemam-panahy ny ^dtokantranonao, ary aoka ho mahatoky ianao.

10 Indro, lazaiko aminao fa ho mpitsabo ho an’ ny fiangonana

ianao fa tsy ho an’ izao tontolo izao, satria tsy horaisiny ianao.

11 Mandehana na aiza na aiza sitrako ary homen’ ny “Mpam-pionona anao izay hataonao sy izay halehanao.

12 “Mivavaha mandrakariva mba tsy hidiranao amin’ ny ^bfakam-panahy ka hamerezanao ny valisoanao.

13 Aoka ho “mahatoky hatramin’ ny farany ianao, ary indro, ^bmomba anao Aho. Tsy avy amin’ olona iray na avy amin’ ny olona maro ireto teny ireto fa avy Amiko Jesoa Kristy, Ilay Mpanavotra anao, araka ny ^dsitrapon’ ny Ray. Amena.

FIZARANA 32

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ i Parley P. Pratt sy i Ziba Peterson ny volana Ôktôbra 1830 (History of the Church, 1:118–120). Tsapan’ ireo loholona ho nahaliana fatratra sady niteraka hetaheta ny momba ny Lamanita izay naminaniana ireo fitahiana nianaran’ ny Fiangonana avy tao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna. Noho izany dia nitalahoany ny hanambaran’ ny Tompo ny sitrapony raha toa ka tokony hiraheina ho any amin’ ireo foko Indiana any Andrefana ireo loholona tamin’ izay fotoana izay. Nanaraka izany izao fanambarana izao.

1–3, Voantso i Parley P. Pratt sy i Ziba Peterson hitory amin’ ny Lamanita ary hiaraka amin’ i Oliver Cowdery sy i Peter Whitmer zanany; 4–5, Tokony hivavaka izy ireo mba hahazoany ny soratra masina.

ARY ankehitriny raha ny momba an’ i “Parley P. Pratt mpanompoko dia indro, lazaiko azy fa raha velona koa Aho, dia tiako hanambara ny filazantsarako izy ary ^bhianatra Amiko sy ho malemy fanahy ary tsy hiavona am-po.

7a TSM Fiovam-po.

8a F&F 81:5; 108:7.

9a TSM Faharetana.

b TSM Fahorianana.

d TSM Fianakaviana—

Ireo andraikitra ny ray aman-dreny.

11a TSM Mpam-pionona; Fanahy Masina.

12a 3 Ne. 18:17–21.

TSM Vavaka.

b TSM Fakam-panahy.

13a TSM Maharitra.

b Mat. 28:20.

d TSM Jesoa Kristy—Fahefana.

32 1a TSM Pratt, Parley Parker.

b Mat. 11:28–30.

2 Ary izao no efa notendreny ho azy dia ny “handehanany miaraka amin’ i Oliver Cowdery sy i Peter Whitmer zanany mpanompoko, mankanany an-tany foana, any anivon’ ny ^bLamanita.

3 Ary handeha hiaraka amin’ izy ireo koa i “Ziba Peterson; ary Izaho mihitsy no handeha hiaraka amin’ izy ireo ary ho eo ^bafovoany; ary Izaho no ho ^ampisolovavan’ izy ireo amin’

ny Ray, ary tsy hisy na inona na inona haharesy azy ireo.

4 Ary “hampandry sofina amin’ izay efa voasoratra izy ireo ka tsy hikatsaka ^bfanambarana hafa; ary hivavaka mandrakariva izy ireo mba hahazoaiko ^amamelabelatra izay efa voasoratra amin’ ny ^cfahatakarany.

5 Ary hampandry sofina amin’ ireto teny ireto izy ireo ka tsy hanamaivana azy, dia hitahy azy ireo Aho. Amena.

FIZARANA 33

Fanambarana nomena, tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany, ho an’ i Ezra Thayre sy i Northrop Sweet tao Fayette, New York, ny volana Ôktôbra 1830 (History of the Church, 1:126–127). Nilaza ny Mpaminany raha nanoratra ity fanambarana ity fa “ny Tompo dia vonona mandrakariva ny hampianatra ireo izay mazoto mikatsaka amin’ ny finoana” (History of the Church, 1:126).

1–4, Antsoina hitory ny filazantsara ny mpiasa amin’ ny ora fahiraika ambin’ ny folo; 5–6, Voaorina ny Fiangonana ary tokony hangonina ny olom-boafidy; 7–10, Mibebaha fa efa akaiky ny fanjakan’ ny lanitra; 11–15, Miorina eo amin’ ny vato-lampin’ ny filazantsara ny Fiangonana; 16–18, Miomàna ho amin’ ny fiavian’ ny Mpampakatra.

INDRO, miteny aminareo aho Iry Ezra sy Northrop mpanompoko, sokafy ny sofinareo ary henoy ny feon’ ny Tompo Andriamanitrareo izay mailaka sy

mahery ny “teniny, maranitra noho ny sabatra roa lela ka mampisaraka ny famavany sy ny tsoka, ny fanahy sy ny saina; ary mpamantatra ny eritreritra sy ny ^bfisainan’ ny fo.

2 Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa antsoina ianareo hanandratra ny feonareo tahaka ny “fanenon’ ny trompetra ka hitory ny filazantsarako amin’ ny taranaka meloka sy maditra.

3 Fa indro, efa masaka ny “eny an-tsaha mba hojinjaina, ary izao no ^bora fahiraika ambin’ ny

2a F&F 28:8; 30:5.

b F&F 3:18–20.

3a F&F 58:60.

b Mat. 18:20;

F&F 6:32; 38:7.

d TSM Mpisolovava.

4a 1 Ne. 15:25;

F&F 84:43–44.

b F&F 28:2.

d JS—T 1:74.

e TSM Fahatakarana.

33 1a Heb. 4:12;

Hel. 3:29–30.

b Almà 18:32; F&F 6:16.

2a Isa. 58:1.

3a Jao. 4:35;

F&F 4:4; 12:3; 14:3.

b Mat. 20:1–16.

folo sady ^dfotoana farany hiantsoako mpiasa ho any amin' ny tanimboliko.

4 Ary efa ^aniharatsy tanteraka ny ^btanimboliko; ary tsy misy olona izay manao ny ^dtsara afa-tsy vitsivitsy; ary ^emandiso matetika izy ireo noho ny ^fkomiberaky ny mpisorona, noho ny fananan' ny rehetra saina lomorina.

5 Ary lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa ity ^afiangonana ity no efa ^bnaoriko sy nantsoiko hivoaka avy tao antany foana.

6 Dia tahaka izany koa no ^ahanangonako ny olom-boafidiko avy amin' ny ^bvazan-tany efatra, dia izay rehetra hino Ahy ary hihaino ny feoko.

7 Eny, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa efa masaka sahady ny eny an-tsaha mba hojinjaina; koa arosoy ny antsimbilonareo ary mijinjà amin' ny herinareo rehetra, ny saina-reo rehetra ary ny tanjakareo rehetra.

8 ^aSokafy ny vavanareo, dia hofenoina izany, ary ianareo dia ho tonga tahaka an' i ^bNefia fahiny izay nandeha avy tao Jerosalema nankany an-tany foana.

9 Eny sokafy ny vavanareo ary aza mitsitsy, dia hovesarana ^aamboara eo an-damosinareo, fa indro, momba anareo Aho.

10 Eny sokafy ny vavanareo, dia hofenoina izany, manao hoe: Mibebaha, ^amibebaha ary omano ny lalan' ny Tompo, ary atao-vy mahitsy ny lalany; fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra;

11 Eny, mibebaha ary aoka ^ahatao batisa ny tsirairay avy aminareo, ho famelana ny fahotanareo; eny, aoka hatao batisa amin' ny rano, ary rehefa izany dia ho tonga ny batisan' ny afo sy ny an' ny Fanahy Masina.

12 Indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no ^afilazantsarako; ary tsarovy fa tsy maintsy manana ny finoana Ahy izy ireo, fa raha tsy izany dia tsy ho azo vonjena mihitsy;

13 Ary eo amin' ity ^avatolampy ity no hanorenako ny fiangonako; eny eo amin' ity vatolampy ity no miorina ianareo; ary raha mitozo ianareo dia tsy haharesy anareo ny ^bvavahadin' ny helo.

14 Ary hahatsiaro ny ^atoromarikarika sy ny fanekempihavanan' ny fiangonana ianareo mba hitandrina azy ireny.

15 Ary na zovy na zovy no manana finoana dia ho raisina-

3d Jakôba 5:71;
F&F 43:28.

4a 2 Ne. 28:2-14;
Môrm. 8:28-41.

b TSM Tanimbolin'
ny Tompo.

d Roma. 3:12;
F&F 35:12.

e 2 Ne. 28:14.

f TSM Komiberaky ny
Mpisorona.

5a TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy ho an'
ny Olomasin' ny
Andro Farany, Ny.

b TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny
Filazantsara.

6a TSM Israely—Ny
fanangonana ny
Israely.

b 1 Ne. 19:15-17.

8a F&F 88:81.

b 2 Ne. 1:26-28.

9a Sal. 126:6;
Almà 26:3-5;
F&F 75:5.

10a Mat. 3:1-3.

11a TSM Batisa.

12a 3 Ne. 27:13-22.

13a TSM Vatolampy.

b Mat. 16:16-19;
F&F 10:69-70.

14a Mifandray amin' ny
fizarana 20-22;
F&F 42:13.

reo ho “mpikambana ao amin’ ny fiangonako amin’ ny alalan’ ny ^bfametrahan-tanana, ary hatotro azy ny ^dfanomezana ny Fanahy Masina.

16 Ary ny Bokin’ i Môrmôna sy ny “soratra masina dia omena amin’ ny alalako ho ^bfianaranareo, ary ^dmamelona ny zava-drehetra ny herin’ ny Fanahiko.

17 Koa aoka ho mahatoky, hivavaka mandrakariva, hanana ny fanalanareo voakarakara sy mirehitra ary solika miaraka aminareo, mba ho vonona ianareo amin’ ny fiavian’ ny “Mpampakatra—

18 Fa indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa “avy faingana Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 34

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ i Orson Pratt tao Fayette, New York, ny 4 Nôvambra 1830 (History of the Church, 1:127–128). Sivy ambin’ ny folo taona ny rahalahy Pratt tamin’ io fotoana io. Niova fo sy natao batisa izy rehefa nandre ny fitorian’ ny zokiny Parley P. Pratt, enina herinandro talohan’ io, momba ny filazantsara naverina indray. Tao an-tranon’ i Peter Whitmer rainy no nahazoana ity fanambarana ity.

1–4, *Tonga zanak’ Andriamanitra amin’ ny alalan’ ny Sorompanavotana ireo mahatoky*; 5–9, *Manomana ny lalana ho amin’ ny Fiaviana Fanindroany ny fitoriana ny filazantsara*; 10–12, *Tonga amin’ ny alalan’ ny herin’ ny Fanahy Masina ny faminiana.*

RY “Orson zanako lahy, miRhainoa sy mandrenesa ka hevero izay holazaiko Izaho Tompo Andriamanitra aminao,

dia i Jesoa Kristy Mpanavotra anao;

2 Ny “fahazavana sy ny fiainan’ izao tontolo izao, fahazavana izay mampirapiratra ao amin’ ny haizina ary ny haizina tsy mahazo izany;

3 Izay “tia fatratra izao tontolo izao, ka ^bnomeny ny ainy mba ho tonga “zanak’ Andriamanitra izay rehetra mino. Koa ianao dia zanako lahy;

4 Ary “hotahina ianao noho ianao efa mino;

15a F&F 20:41.

b TSM Fametrahan-tanana.

d TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

16a TSM Soratra Masina.

b 2 Tim. 3:16.

d Jao. 6:63.

17a Mat. 25:1–13.

TSM Mpampakatra.

18a Fan. 22:20.

TSM Fiavian’ i Jesoa Kristy Fanindroany.

34 1a TSM Pratt, Orson.

2a Jao. 1:1–5.

TSM Fahazavana, Fahazavan’ i Kristy.

3a Jao. 3:16; 15:13.

TSM Fitiavana.

b TSM Mpanavotra;

Sorompanavotana; Fanavotana.

d Jao. 1:9–12;

Roma. 8:14, 16–17;

Mos. 6:64–68.

TSM Zanakalahy sy Zanakavavin’ Andriamanitra.

4a Jao. 20:29.

5 Ary mainka hotahiana ianao noho ianao efa “voantsoko history ny filazantsarako—

6 Hanandratra ny feonao tahaka ny fanenon’ ny trompetra sady maharitra no mafy, ary “hiantsoantso fibebahana amin’ ny taranaka meloka sy madi-tra, hanomana ny lalan’ ny Tompo ho amin’ ny ^bfiaviany fanindroany.

7 Fa indro, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, efa antomotra sy akaiky ny “fotoana hiaviako eny amin’ ny ^brahona miaraka amin’ ny hery sy ny voninahitra lehibe.

8 Ary ho “andro lehibe ny fotoana fiaviako fa ^bhihorohoro ny firenena rehetra.

9 Saingy mialohan’ ny hahatongavan’ izany andro lehibe

izany, dia hohamaizinina ny masoandro ary ny volana ham-podiana ho ra; ary tsy haneho ny famirapiratany ny kintana ary hianjera ny sasany, ary lehibe ny famongorana miandry ny olon-dratsy.

10 Koa asandrato ny feonao ary aza “mitsitsy, fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny; koa maminania, dia homena amin’ ny ^bherin’ ny Fanahy Masina izany.

11 Ary raha mahatoky ianao dia indro, momba anao Aho ambara-piaviko—

12 Ary lazaiko aminao marina dia marina tokoa, avy faingana Aho. Izaho no Tompo sy Mpanavotra anao. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 35

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao an-tanàna na teo akaikin’ ny tanànan’ i Fayette, New York, ny volana Desambra 1830 (History of the Church, 1:128–131). Nisahana ny fanaovana ny fandikana ny Baiboly saika isan’ andro ny Mpaminany tamin’ io fotoana io. Natomboka tany amin’ ny volana Jona 1830 ny fandikana ary samy natao mpitan-tsoratra na i Oliver Cowdery na i John Whitmer. Noho izy ireo efa nantsoina ho amin’ ny andraikitra hafa ankehitriny dia nantsoina tamin’ ny alalan’ ny fanendren’ Andriamanitra i Sidney Rigdon mba hatao mpitan-tsoratra ny mpaminany tamin’ io asa io (Jereo andininy 20). Tao amin’ ny sasin-tenin’ ny rakitsorany momba ity fanambarana ity dia nanoratra ny Mpaminany hoe: “Tonga [avy tany Ohio] i Sidney Rigdon tamin’ ny volana Desambra mba hanontany ny Tompo, ary niara-tonga taminy i Edward Patridge . . . Fotoana fohy taorian’ ny fahatongavan’ ireo rahalahy roa ireo, dia niteny toy izao ny Tompo” (History of the Church, 1:128).

5a TSM Antso, Antsoin’
Andriamanitra.

6a F&F 6:9.

b TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

7a Fan. 1:3.

b Lio. 21:27.

8a Joe. 2:11; Mal. 4:5;

F&F 43:17–26.

TSM Fiavian’ i Jesoa

Kristy Fanindroany.

b Isa. 64:2.

10a Isa. 58:1.

b 2 Pet. 1:21.

1-2, *Ny fomba mety hahatonga ny olona ho zanak' Andriamanitra*; 3-7, *Nantsoina mba hanao batisa sy hanolotra ny Fanahy Masina i Sidney Rigdon*; 8-12, *Tanterahina amin' ny finoana ireo famantarana sy fahagagana*; 13-16, *Hively ireo firenena amin' ny herin' ny Fanahy ny mpanompon' ny Tompo*; 17-19, *Nihazona ny fanalahidin' ireo mistery i Joseph Smith*; 20-21, *Hahatanty ny andro hiavian' ny Tompo ny olom-boafidy*; 22-27, *Ho voavonjy i Isiraely*.

HENOY ny feon' ny "Tompo Andriamanitrao, dia ny ^bAlfa sy ny Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana, izay hodi-na mandrakizay ny ^dlalany, "tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.

2 Izaho no Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra, izay "no-homboana noho ny fahotan' izao tontolo izao, mba hahatonga izay rehetra ^bmino ny anarako ho ^dzanak' Andriamanitra, ho ^eiray ato Amiko tahaka Ahy ^firay ao amin' ny Ray, tahaka ny Ray iray ato Amiko, mba hahatonga anay ho iray.

3 Indro, lazaiko amin' i Sidney mpanompoko marina tokoa, efa nozahako ianao sy ny asanao.

Efa reko ny fivavakao ary efa nomaniko ho amin' ny asa lehibe kokoa ianao.

4 Hotahina ianao fa hanao asa lehibe. Indro, efa nalefa hialoha lalana tahaka an' i "Jaona ianao, mba hanamboatra ny lalana eo anoloako, ary talohan' i ^bElia izay ho avy, ary tsy fantatrao izany.

5 Nanao batisa tamin' ny rano ho amin' ny fibebahana ianao, saingy tsy "nandray ny Fanahy Masina izy ireo;

6 Nefa ankehitriny dia omeko anao ny didy hanaovanao "batisa amin' ny rano, dia handray ny ^bFanahy Masina amin' ny alalan' ny ^dfametrahan-tanana izy ireo, tahaka ireo apostolika fahiny.

7 Ary ny zavatra hitranga dia hisy asa lehibe eo amin' ny tany, dia any anivon' ny "Jentilisa, fa habaribary eo imason' ny olona rehetra ny fahadalany sy ny fahavetavetany.

8 Fa Izaho no Andriamanitra ary tsy "fohy ny tanako; ary haneho ^bfahagagana, ^dfamantarana ary zava-mahatalanjona amin' ireo rehetra izay ^emino ny anarako Aho.

9 Ary na zovy na zovy no hantataka izany amin' ny anarako

35 1a TSM Tompo.

b Fan. 1:8.

TSM Alfa sy Omega.

d 1 Ne. 10:19;

F&F 3:2.

e Heb. 13:8;

F&F 38:1-4; 39:1-3.

2a TSM Fanomboana.

b F&F 20:25; 45:5, 8.

d TSM Zanakalahy sy Zanakavavin'

Andriamanitra.

e Jao. 17:20-23.

TSM Firaizan-kina.

f TSM Andriamanitra.

4a Mal. 3:1;

Mat. 11:10;

1 Ne. 11:27;

F&F 84:27-28.

b 3 Ne. 25:5-6;

F&F 2:1; 110:13-15.

5a Asa 19:1-6.

6a TSM Batisa.

b TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

d TSM Fametrahan-tanana.

7a TSM Jentilisa.

8a Isa. 50:2; 59:1.

b TSM Fahagagana.

d TSM Famantarana.

e TSM Finoana.

amin' ny "finoana, dia ^bizy no handroaka ny ^adevoly; ^ehanasitrana ny marary; hampahiratra ny jamba sy hampalady ny marenina, sy hampiteny ny moana ary hampandeha ny kilemaina.

10 Ary avy faingana tokoa ny fotoana izay hanehoana zavadehibe amin' ny zanak' olombelona;

11 Nefa raha tsy ^amisy ny finoana, dia tsy hisy na inona na inona haseho afa-tsy ny ^bfaharavana tamin' i ^aBabylona, dia ilay efa nampisotro ny firenendrehetra tamin' ny divain' ny fisafoahana ny ^fijangajangany.

12 Ary ^atsy misy olona izay manao ny tsara afa-tsy ireo izay vonona ny handray ny fahafenoan' ny filazantsarako, izay efa nalefako ho an' ity taranaka ity.

13 Koa antsoiko ireo ^amalemy amin' izao tontolo izao, ireo ^btsy mahay sy hamavoina mba hively ireo firenena amin' ny herin' ny Fanahiko;

14 Ary ny sandriny no ho sandriko, ary Izaho no ho ^aampingany sy ho fiarovany; ary hosi-kinako ny valahany, ka hiady amim-pahasahiana ho ahy ireo; ary ho eo ambanin' ny tongony

ny ^bfahavalony; ary havelako ^ahianjera ny sabatra noho ny aminy, ary amin' ny ^aafon' ny fahavinirako no hiarovako azy ireo.

15 Ary hitoriana ny filazantsara ny ^amahantra sy ny ^bmalemy fanahy, ary ^ahiandrandra ny fotoana hiaviako izy ireo fa efa ^eantomotra izany—

16 Ary hianarany ny fanoharana momba ny ^aaviavy, fa ankehitriny sahady dia efa antomotra ny lohataona.

17 Ary efa nalefako tamin' ny tanan' i ^aJoseph mpanompoko ny ^bfahafenoan' ny filazantsarako; ary tao amin' ny fahalemana no efa nitahiako azy;

18 Ary efa nomeko azy ny ^afanalahidin' ireo misterin' ny zavatra izay efa ^bnotehirizina, dia ny zavatra izay nisy hatry ny ^afanorenana izao tontolo izao sy ny zavatra izay ho avy hatramin' izao fotoana izao ka hatramin' ny fotoana hiaviako, raha mitoetra ao Amiko izy, fa raha tsy izany dia olona iray hafa no hapetrako eo amin' ny toerany.

19 Koa ambeno izy mba tsy ho lefy ny finoany, ary izany dia homen' ny ^aMpampionona, ny

9a TSM Finoana.

b Mar. 16:17.

d Mar. 1:21–45.

e TSM Manasitrana.

11a F&F 63:11–12.

b F&F 5:19–20.

d TSM Babela, Babylona.

e Fan. 18:2–4.

12a Roma. 3:10–12;

F&F 33:4; 38:10–11;
84:49.

13a 2 Tan. 1:27;

F&F 1:19–23; 124:1.

b Asa 4:13.

14a 2 Sam. 22:2–3.

b F&F 98:34–38.

d F&F 1:13–14.

e F&F 128:24.

15a Mat. 11:5.

b TSM Halemempahany.

d 2 Pet. 3:10–13;

F&F 39:23; 45:39;

Mos. 7:62.

e F&F 63:53.

16a Mat. 24:32;

F&F 45:36–38;

JS—M 1:38.

TSM Famantaran' Ireo Fotoana.

17a F&F 135:3.

b F&F 42:12.

18a F&F 84:19.

b Dan. 12:9;

Mat. 13:35;

2 Ne. 27:10–11;

Etera 4:4–7;

JS—T 1:65.

d F&F 128:18.

19a Jao. 14:16, 26; 15:26.

TSM Mpampionona.

^bFanahy Masina izay mahalala ny zava-drehetra.

20 Ary didy no omeko anao — dia ny ^ahanoratanao ho azy; ary ny soratra masina dia homena, araka ny maha-izy azy ao an-tratrako, ho famonjena ny ^bolom-boafidiko;

21 Fa ho reny ny ^afeoko ary ho hitany Aho, dia tsy hatory izy ireo ary ^bhahatanty ny andro ^ahiaviako; fa hodieovina izy ireo tahaka Ahy efa ^amadio.

22 Ary ankehitriny lazaiko ^aaminao, mitomoera miaraka aminy, dia handeha hiaraka amina izy, aza mahafoy azy, dia ho tanteraka marina tokoa ireto zavatra ireto.

23 Ary ^araha mbola tsy manoratra ianareo dia indro, homena azy ny haminany ary hitory ny filazantsarako ianao sady hitanisa an' ireo ^bmpaminany masina

mba hanamarina ny teniny araka ny hanomezana azy izany.

24 “Tandrema avokoa ny didy sy ny fanekempihavanana izay amehazana anareo, dia ^bham-pihorohoroiko ny lanitra ho tombontsoanareo, ka hangovitra i ^aSatana ary ^ahifaly eny antendrombohita i Ziona ary hiroborobo;

25 Ary ho ^avoavonjy i ^bIsiraely amin' ny fotoana heveriko ho mahamety izany; ary amin' ny ^afanalahidy izay efa nomeko no hitarihana azy, ka tsy hania intsony mihitsy izy.

26 Asandrato ny fonareo ary mifalia, fa manakaiky ny ^afanavotana anareo.

27 Aza matahotra ry ondry vitsy, fa anareo ny ^afanjakana mandra-piaviko. Indro, ^bavy faingana Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 36

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Edward Partridge tao akaikin' i Fayette, New York ny volana Desambra 1830 (History of the Church, 1:131). (Jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 35). Nolazain' ny Mpaminany fa i Edward Partridge no “ohatra ny amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra” ary anankiray amin' ireo lehilahy lehiben' ny Tompo” (History of the Church, 1:128).

19^b TSM Fanahy Masina.

20^a Nanao ny fandikana ny Baiboly tamin' ny alalan' ny tsindrimandry ny mpaminany tamin' ity fotoana ity, ary i Sidney Rigdon no nantsoina ho mpitan-tsoratra.

^b TSM Olom-boafidy.

21^a Joe. 2:11;

F&F 43:17–25; 88:90;

133:50–51.

^b Mal. 3:2–3.

^d TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

^e TSM Madio.

22^a F&F 100:9–11.

23^a IE rehefa tsy sahirana amin' ny fanoratana i Sidney Rigdon.

^b IE ny soratra masina.

24^a F&F 103:7.

^b F&F 21:6.

^d 1 Ne. 22:26.

^e TSM Fifaliana.

25^a Isa. 45:17;

1 Ne. 19:15–16; 22:12.

^b TSM Isiraely.

^d TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

26^a Lio. 21:28.

27^a TSM Fanjakan' Andriamanitra na

Fanjakan' ny Lanitra.

^b Fan. 22:20.

1–3, *Nametra-tanana tamin' i Edward Partridge tamin' ny alalan' ny tanan' i Sidney Rigdon ny Tompo*; 4–8, *Ny lehilahy tsirairay izay mandray ny filazantsara sy ny fisoronana dia hantsoina hantseha sy hitory.*

IZAO no lazain' ny Tompo Andriamanitra, Ilay “Maherin’ i Isiraely: Indro, lazaiko aminao ry ^bEdward mpanompoko fa tahina ianao ary voavela ny fahotanao, ary antsoina ianao hitory ny filazantsarako tahaka ny amin’ ny fanenon’ ny trompetra;

2 Ary hametraka ny “tanako aminao amin’ ny alalan’ ny tanan’ i Sidney Rigdon aho, dia horaisinao ny Fanahiko, ny Fanahy Masina, dia ny ^bMpam-pionona izay hampianatra anao ireo zavatra ^dmandry feizay momba ny fanjakana;

3 Ary hotorianao amin’ ny feo mafy izany, manao hoe: Hôsa-nà, hotahina anie ny anaran’ Andriamanitra avo indrindra.

4 Ary ankehitriny dia izao no

antso sy didy omeko anao momba ny lehilahy rehetra —

5 Fa izay rehetra ho tonga eo anoloan’ i Sidney Rigdon sy i Joseph Smith zanany mpanompoko, ka manaiky izao antso sy didy izao, dia ^ahatokana sy hirahina ^bhistory ny filazantsara maharitra mandrakizay any anivon’ ireo firenena —

6 Hiantsoantso fibebahana, manao hoe: “Vonjeo ny tenanareo hiala amin’ ity taranaka maditra ity, ary mivoaha avy ao amin’ ny afo, ka ankahalao hatramin’ ny ^bfitafiana voapentina tamin’ ny nofo.

7 Ary izany didy izany no homena ho an’ ny loholon’ ny fiangonako, ka ny lehilahy tsirairay izay hanaiky izany amin’ ny fahatsoram-po dia mba ho azo atokana sy irahina araka izay efa noteneniko.

8 Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra; koa siki-no ny valahanareo, ary ho avy tampoka ao amin’ ny “tempoliko Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 37

Fanambarana nomena ho an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao akaikin’ i Fayette, New York, ny volana Desambra 1830 (History of the Church, 1:139). Omena etoana ny didy voalohany momba ny fanangonana amin’ ity fotoampitantanana ity.

1–4, *Nantsoina ny Olomasina hiangona ao Ohio.*

INDRO, lazaiko aminareo fa tsy ilaina Amiko ny “handi-

36 1a TSM Jesoa Kristy; Jehovah.

b F&F 41:9–11.

2a TSM Fametrahantanana.

b TSM Mpam-pionona;

Fanahy Masina.
d F&F 42:61.

5a F&F 63:57.

TSM Manokana.

b TSM Mitory.

6a Asa 2:40.

b Joda 1:23.

8a Mal. 3:1.

37 1a IE efa eo am-panaovana ny fandikana ny Baiboly.

kanareo teny misimisy kokoa mialohan' ny handehananareo any Ohio, ary izany dia noho ny fahavalo sy noho ny aminareo.

2 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa tsy handeha ianareo raha tsy efa nitory ny filazantsarako tamin' ireo fari-tra ireo ary efa nampahery ny fiangonana, na aiza na aiza ahitana izany ary indrindra ao "Colesville; fa indro, miva-

vaka amiko amin' ny finoana fatratra ireo.

3 Ary ankoatra izany dia didy no omeko ny fiangonana fa ilai-na Amiko ny hiarahan' izy ireo mivory ao "Ohio ho fiatrehana ny fotoana izay hiverenan' i Oliver Cowdery any aminy.

4 Indro, izany no fahendrena, ary aoka ny olona tsirairay "hifidy ho an' ny tenany mandra-piaviko. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 38

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Fayette, New York, ny 2 Janoary 1831 (History of the Church, 1:140–143). Tamin' ny fihonambenan' ny Fiangonana no nitrangan' izany.

1–6, Nahary ny zava-drehetra i Kristy; 7–8, Eo afovoan' ny Olomasiny izay hahita Azy tsy ho ela Izy; 9–12, Efa lo ny nofo rehetra eo anoloany; 13–22, Efa natokany ho an' ny Olomasiny mandritra ny fotoam-pahavelomana sy mandrakizay ny tanin' ny fampanantenana; 23–27, Nodidiana ny Olomasina mba ho iray sy hifampitondra toy ny mpirahalalahy; 28–29, Voalaza mialoha ny hisian' ny ady; 30–33, Ny Olomasina dia homena fahefana avy any ambony ary handeha any anivon' ny firenena rehetra; 34–42, Nodidiana ny Fiangonana hikarakara ny mahantra sy ny sahirana ary hikatsaka ny haren' ny mandrakizay.

IZAO no lazain' ny Tompo Andriamanitrao, dia i Jesoa Kristy, ilay "IZY AHO Lehibe, ny Alfa sy Omega, ny ^bfiandohana sy ny fiasarana, Ilay nibanjina ny velarana midadasiky ny mandrakizay, ary ny "tafika rehetra an' ny serafiman' ny lanitra "talohan' ny ^fnanaovana izao tontolo izao;

2 Ilay "mahalala ny zava-drehetra, satria ny ^bzava-drehetra dia eo anoloan' ny masoko;

3 Izaho ilay niteny, dia "vita izao tontolo izao, ary ny zavatra rehetra dia tonga tamin' ny alalako.

4 Izaho ilay efa naka an' i "Zionan' i Enoka ho eo an-tra-

2a F&F 24:3; 26:1.
3a IE ny fanjakan' i Ohio.
F&F 38:31–32.
4a TSM Safidy.
38 1a TSM IZY AHO.
b Fan. 1:8.
d F&F 45:1.

e TSM Fiainana
Talohan' ny Fiainana
An-tany.
f Sal. 90:2.
2a F&F 88:41; Mos. 1:35.
TSM Heni-pahalalana.
b Ohab. 5:21; 2 Ne. 9:20.

3a Sal. 33:6–9.
TSM Fahariana.
4a F&F 45:11–14;
76:66–67; 84:99–100;
Mos. 7:18–21. djs,
Gen. 14:25–40.
TSM Ziona.

trako, ary lazaiko marina tokoa, dia izay rehetra efa ^bnino ny anarako, fa Izaho no Kristy, ary amin' ny anarako, amin' ny alalan' ny ^arako izay efa nalatsako no efa nitalahoako teo anoloan' ny Ray ho azy ireo.

5 Nefa indro, ny sisa amin' ny ^aolon-dratsy dia efa notanako tao amin' ny ^bgadrin' ny haizina, mandra-pahatongan' ny ^dfitsaran' ilay andro lehibe izay ho avy amin' ny fiafaran' ny tany;

6 Dia toy izany no efa hasaiko hitanana ny olon-dratsy izay tsy te hihaino ny feoko fa manamafy kosa ny fony, ary mahatsiravina, mahatsiravina, mahatsiravina ny anjarany.

7 Nefa indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa mitsinjo anareo ny ^amasoko. Eo ^bafovoanareo Aho, ary tsy afa-mahita ahy ianareo;

8 Nefa avy tsy ho ela ny andro izay ^ahahitanareo Ahy sy hahafantaranao fa Izy Aho; fa horovitina tsy ho ela ny voalin' ny haizina, ary izay tsy ^bmadio dia tsy ^ahahatanty ny andro.

9 Koa sikino ny valahanareo ary aoka ho vonona. Indro, anareo ny ^afanjakana, ary tsy haharesy ny fahavalo.

10 Lazaiko aminareo marina

tokoa, ^amadio ianareo nefa tsy ny rehetra; ary tsy misy olona hafa izay tena ^bankasitrahiko;

11 Fa efa lo avokoa ny ^anofo eo anoloako; ary ny herin' ny ^bhaizina dia manjaka eto an-tany eo anivon' ny zanak' olombelona, eo anatrehan' ny miaramila rehetra an' ny lanitra —

12 Izay mahatonga ny fahanginana hanjaka ary ny mandrakizay rehetra ^ahalahelo, ary ireo ^banjely dia miandry ny baiko lehibe ^dhijinjana ny tany, hanangonana ny ^etsimparifary mba hahazoana ^fmandoro izany; ary indro, miray tetika ny fahavalo.

13 Ary asehoko anareo ankehitriny ny mystery iray, ny zavatra izay mitranga ao amin' ny efitra miafina ka hahatonga ny ^afamongorana anareo rehefa afaka elaela, ary tsy fantatra-reo izany;

14 Nefa ankehitriny dia lazai-ko aminareo izany ary tahina ianareo, tsy noho ny helokareo, na noho ny fonareo tsy mino; satria marina tokoa fa meloka eo anoloako ny sasany aminareo, nefa ho feno famindram-po amin' ny fahalemenareo aho.

15 Koa aoka ianareo ^ahatanjaka hatramin' izao; aza ^bmatahotra, fa anareo ny fanjakana.

4b F&F 20:25; 35:2;
45:3–5.

d TSM Sorompanavotana.

5a TSM Tsy Fahamarinana.

b 2 Pet. 2:4; Joda 1:6.
TSM Helo.

d TSM Fitsarana Farany, Ny.

7a F&F 1:1.

b F&F 6:32; 29:5.

8a Fan. 22:4–5.

TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

b TSM Madio.

d Mal. 3:2.

9a Lio. 6:20.

TSM Fanjakan' Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.

10a TSM Madio sy Tsy
Madio.

b F&F 1:30.

11a Isa. 1:3–4; F&F 33:4.

b Mika 3:6; F&F 112:23;
Mos. 7:61–62.

12a Mos. 7:41.

b F&F 86:3–7.

d TSM Fararano.

e F&F 88:94; 101:65–66.
f Mat. 13:30.

13a F&F 5:32–33.

15a TSM Herimpo.

b TSM Tahotra—
Tahotra ny olona.

16 Ary ho famonjena anareo, dia omeko anareo ny didy, fa efa nandre ny fivavakareo Aho, ary efa nitaraina teo anoloako ny “mahantra ary izaho no nanao ny ^bmpanan-karena, ary Ah y ny nofo rehetra ary tsy “mizaha tavan’ olona Aho.

17 Ary efa nataoko manan-karena ny tany, ary indro, “fitoe-ran-tongotro izany, koa hitsan-gana indray eo amboniny Aho.

18 Ary atolotro sy sitrako ho-mena anareo ny harena lehibe kokoa, dia ny tanin’ ny fampanantenana, ny tany tondra-dronono sy tantely, izay tsy hisy ozona eo aminy rehefa ho avy ny Tompo;

19 Ary homeko anareo izany ho tany lovanareo, raha mikatsaka izany amin’ ny fonareo manontolo ianareo.

20 Ary izao no ho fanekempi-havanako aminareo, ho azonareo izany ho tany lovanareo sy ho “lovan’ ny zanakareo mandrakizay, raha mbola mijoro koa ny tany, ary hozakainareo indray izany ao amin’ ny mandrakizay ka tsy ho levona intsony.

21 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy hanana mpanjaka na mpanapaka ianareo amin’ ny farany, fa Izaho no

ho “mpanjakanareo sy hiandry anareo.

22 Koa henoy ny feoko ary “manaraha Ah y, dia ho ^bolona afaka ianareo ary tsy hanana lalàna afa-tsy ny lalàko rehefa avy Aho, fa Izaho no “mpanome lalàna anareo ka iza no mahasakana ny tanako?

23 Nefa, lazaiko aminareo marina tokoa, “mifampianara ianareo araka ny anjara fanompoana izay efa nanendreko anareo;

24 Ary aoka ny olona tsirairay “hihevitra ny rahalahiny ho toy ny tenany ary hampihatra ny ^bhatsaram-panahy sy ny “fahamasinana eo anoloako.

25 Ary lazaiko aminareo indray, aoka ny olona tsirairay hihevitra ny rahalahiny ho toy ny tenany.

26 Fa iza moa aminareo, raha manana zanakalahy roa ambin’ ny folo ka tsy miangatra aminy, no tsy mizaha tavan’ olona raha hiteny amin’ ny iray hoe manaoava akanjo lava ary mipetraha eto; ary amin’ ny iray hafa kosa hoe: Miakanjoa voro-kitsay ary mipetraha eroa—ary hijery ireo zanakalahiny ka hiteny hoe: olo-marina aho?

27 Indro izany no efa nomeko anareo ho toy ny fanoharana, ary tahaka izany Aho. Lazaiko

16a Môsîà 4:16–18.

b 1 Sam. 2:7.

d Asa 10:34;

Môrô. 8:11–12;

F&F 1:34–35.

17a 1 Ne. 17:39;

Abr. 2:7.

20a F&F 45:58.

21a Zak. 14:9;

2 Ne. 10:14;

Almà 5:50.

22a Jao. 10:27.

b tsm Jesoa Kristy—
Fanjakan’ i Kristy
amin’ ny Arivotaona.

d Isa. 33:22;

Mika 4:2;

F&F 45:59.

23a F&F 88:77–79, 118,
122.

tsm Mampianatra.

24a Deot. 17:20;

2 Tan. 4:6.

b F&F 46:33.

tsm Hatsaran-toetra.

d tsm Fahamasinana.

aminareo, aoka ho “iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy.

28 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ny fahavalo ao amin’ ny efitra miafina dia mitady ny “ainareo.

29 Renareo ny amin’ ny “ady any an-tany lavitra, ka dia lazainareo fa hisy tsy ho ela ny ady lehibe any an-tany lavitra, saingy tsy fantatrarao kosa ny fon’ ny olona izay eo amin’ ny taninareo ihany.

30 Teneniko anareo ireo zavatra ireo noho ny fivavakareo; koa “raketo ao an-tratranareo ny ^bfahendrena fandrao ny faharatsian’ ny olona no hanambara ireo zavatra ireo aminareo amin’ ny faharatsiany, amin’ ny fomba izay hitenenana eo an-tsofinareo amin’ ny feo mafimafy kokoa noho ilay feo izay hampihorohoro ny tany; nefa raha efa miomana ianareo dia tsy hatahotra.

31 Ary izany dia ny mba hahazoanareo miala ny herin’ ny fahavalo ka hangonina ho vahoaka marina, tsy manan-“tsiny amam-pondro ho Ahy —

32 Koa, noho izany antony izany, dia nomeko anareo ny didy handehananareo any “Ohio; ary any no hanomezako anareo ny ^blalàko; ary any no ^dhanafia-

na anareo amin-kery avy any ambony;

33 Ary na zovy na zovy sitrako avy amin’ io toerana io, dia handeha any anivon’ ny “firenena rehetra izy, ary hotenenina aminy izay hataony fa manana asa lehibe efa miandry Aho, fa ho ^bvoavonjy i Isiraely, ary hotarihiko izy ireo na aiza na aiza sitrako, ary tsy misy hery ^dhahasakana ny tanako.

34 Ary ankehitriny, omeko ho an’ ny fiangonana amin’ ireo faritra ireo ny didy mba hotendrena ireo olona sasany eo anivony, ary ireo dia hotendren’ ny “feon’ ny fiangonana;

35 Ary hikorakara ny mahantra sy ny sahirana ireo ka hisahana ny “fanampiana azy ireny mba tsy hijaliany ary handefa azy ireny any amin’ izay efa nandidiako azy ireo.

36 Ary izao no ho asany, dia ny hitantana ny raharaha momba ny fananan’ ity fiangonana ity.

37 Ary ireo izay manana fambolena sy fiompiana ka tsy azo amidy dia aoka handao izany na hampanofa izany araka izay hitany fa mety.

38 Ataovy izay hitehirizana ny zava-drehetra; ary rehefa “voatafy hery avy any ambony sy irahina ny olona, dia hangonina

27a Jao. 17:21–23;

2 Tan. 1:10;

Ef. 4:11–14;

3 Ne. 11:28–30;

Mos. 7:18.

TSM Firaisan-kina.

28a F&F 5:33; 38:13.

29a F&F 45:26, 63;

87:1–5; 130:12.

30a JS—M 1:37.

^b TSM Fahendrena.

31a 2 Pet. 3:14.

32a F&F 37:3.

^b F&F 42.

^d Lio. 24:49;

F&F 39:15; 95:8;

110:9–10.

33a TSM Asa Fitoriana.

^b Isa. 45:17; Jer. 30:10;

F&F 136:22.

^d Dan. 4:35.

34a TSM Faneken’ ny

Rehetra.

35a TSM Asa

Fanasoavana.

38a TSM Fanafiana

Masina.

avokoa ireo zavatra ireo ho eo an-tratran' ny fiangonana.

39 Ary raha katsahinareo ny "harena izay sitraky ny Ray homena anareo, dia ianareo no ho mpanankarena indrindra amin' ny olon-drehetra, fa ho azonareo ny harenan' ny mandrakizay; ary Ahy ny ^bharen' ny tany ka tsy maintsy Izaho no manome azy; nefa mitandrema amin' ny ^davonavona, fandrao hanjary ho toy ny ^eNefita fahiny ianareo.

40 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, omeko anareo ny didy, ka ny olona tsirairay,

na loholona, na mpisorona, na mpampianatra na mpikambana, dia samy handeha amin' ny heriny, amin' ny asan' ny ^atanan'ny, mba hanomanana sy hanatontosana ireo zavatra izay efa nodidiako.

41 Ary aoka ny ^afitorianareo ho ^bfeo fampitandremana ny olona tsirairay ny namany amin' ny fahamorana sy amin' ny halemem-panahy.

42 Ary ^amivoaha avy eo anivon' ny olon-dratsy. Vonjeo ny tenanareo. Madiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 39

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i James Covill, tao Fayette, New York, ny 5 Janoary 1831 (History of the Church, 1:143–145). James Covill, izay efa mpitandrina batista nandritra ny efapolo taona teo ho eo, dia nifanaiky tamin' ny Tompo fa hankatò izay didy rehetra homen' ny Tompo azy amin' ny alalan' i Joseph Mpaminany.

1–4, Manana ny hery ho tonga zanak' Andriamanitra ny Olomasinga; 5–6, Fandraisana an' i Kristy ny fandraisana ny filazantsara; 7–14, Nodidiana i James Covill mba hatao batista ary hiasa ao amin' ny tanimboaloboky ny Tompo; 15–21, Tokony hitory ny filazantsara ireo mpanompon' ny Tompo mialohan' ny Fiaviana Fanindroany; 22–24, Ireo izay mandray ny filazantsara dia hangonina amin' ny fotoampahavelomana sy mandrakizay.

HENOY ny feon' Ilay efa teo hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay, ilay ^bIzy Aho Lehibe, dia i Jesoa Kristy —

2 Ny ^afahazavana sy ny fiaianan' izao tontolo izao; fahazavana izay mampirapiratra ao amin' ny haizina ary ny haizina tsy mahazo izany;

3 Izaho ilay tonga tamin' ny ^amitataovovonan' ny fotoana tany amin' ny Ahy ary ny Ahy tsy nandray Ahy;

39a Jakôba 2:17–19;
F&F 11:7.
b Hag. 2:8.
d TSM Fiavonavonana.
e Môrô. 8:27.
40a 2 Tan. 4:12.

41a TSM Mitory.
b TSM Fampitandremana.
42a Isa. 52:11.
39 1a Heb. 13:8;
F&F 20:12; 35:1; 38:1–4.

b Eks. 3:14.
TSM Jehovah.
2a TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.
3a F&F 20:26;
Mos. 6:57, 62.

4 Nefa izay rehetra nandray Ahy dia nomeko hery ho tonga “zanako; ary tahaka izany koa no hanomezako hery ho an’ ireo rehetra izay handray Ahy mba ho tonga zanako.

5 Ary lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay mandray ny filazantsarako dia “mandray Ahy ary izay tsy mandray ny filazantsarako dia tsy mandray Ahy.

6 Ary izao no “filazantsarako—ny fibebahana sy ny batisa amin’ ny rano ary avy eo no tonga ny ^bbatisan’ ny afo sy ny Fanahy Masina, dia ny Mpampionona, izay maneho ny zavadrehetra ary “mampianatra ny zavatra mandry feizay momba ny fanjakana.

7 Ary ankehitriny indro, lazai-ko aminao ry “James mpanompoko fa efa nozahako ny asanao ary mahalala anao Aho.

8 Ary lazaiko aminao marina tokoa, ankehitriny dia mahitsy eo anoloako ny fonao amin’ izao fotoana izao; ary indro, efa natolotro ho eo ambony lohanao ireo fitahiana lehibe.

9 Kanefa efa tojo alahelo lehibe ianao fa efa notsipahinao imbetsaka Aho noho ny avonavona sy ny fiahiahiana “izao fiainana izao.

10 Nefa indro, efa tonga ny

andro fanafahana anao raha mety ianao hihaino ny feoko izay manao aminao hoe: Mitsangàna dia aoka “hatao batisa, ary sasao hiala ny fahotanao ka antsoy ny anarako, dia horaisinao ny Fanahiko sy ny fitahiana lehibe tokoa toy izay tsy mbola fantatrao na oviana na oviana.

11 Ary raha ataonao izany, dia efa nomaniko ianao ho amin’ ny asa lehibe kokoa. Ianao dia hitory ny fahafenoan’ ny filazantsarako izay efa nalefako amin’ izao andro farany izao, ny fanekempihavanana izay efa nalefako mba “hanavotra ny oloko izay avy amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

12 Ary ny zavatra hitranga dia “hitoetra aminao ny hery; hanana finoana lehibe ianao, ary homba anao Aho ary handeha eo alohan’ ny tavanao.

13 Voantso ianao “hiasa ao amin’ ny tanimboliko sy hanorina ny fiangonako ary ^bhampandroso an’ i Ziona, mba hahazoany mifaly eny antendrombohitra ary “miroborobo.

14 Indro, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, tsy voantso handeha any amin’ ny tany atsinanana ianao fa handeha kosa ho any Ohio.

15 Ary raha hiangona ao Ohio ny oloko, dia efa notehiriziko ho

4a Jao. 1:12.
tsm Zanakalahy sy
Zanakavavin’
Andriamanitra.

5a Jao. 13:20.

6a tsm Batisa;
Filazantsara;
Fibebahana.

b tsm Ateraka Indray,
Aterak’
Andriamanitra;
Fanahy Masina.

d F&F 42:61.

7a F&F 40:1.

9a Mat. 13:22.

10a F&F 40:1–3.

tsm Batisa.
11a tsm Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

12a 2 Kor. 12:9.

13a Mat. 20:1–16.

b Isa. 52:8.

d F&F 117:7.

fiandry ny “fitahiana toy izay mbola tsy fahita teo anivon’ ny zanak’ olombelona, ary haidina eo ambonin’ ny lohany izany. Ary avy eo amin’ io toerana io no handehanan’ ny olona ho any amin’ ny ^bfirenen-^ddrehetra.

16 Indro, lazaiko aminaio marina dia marina tokoa, fa miantso Ahy amim-pinoana fatratra ny olona ao Ohio noho ny fiheverana fa hohazoniko ny tanako tsy hamaly ireo firenena, saingy tsy afaka mandà ny teniko Aho.

17 Koa milofosa amin’ ny herinao rehetra ary miantsoa mpiasa mahatoky ho any amin’ ny tanimboliko mba hahazoa-na “mandrantsana azy farany.

18 Ary raha mibebaka izy ireo ary mandray ny fahafenoan’ ny filazantsarako sy tonga masina, dia hohazoniko ny tanako “tsy hamaly.

19 Koa mandehana, miantsoa amin’ ny feo mafy manao hoe: Efa akaiky ny fanjakan’ ny

lanitra, miantsoa hoe: Hôsanà! Hotahina anie ny anaran’ Andriamanitra Avo Indrindra.

20 Mandehana ary manaova batisa amin’ ny rano, omano eo anoloan’ ny tavako ny lalana ho amin’ ny fotoana “hiaviako;

21 Fa efa akaiky ny fotoana; tsy misy olona “mahafantatra ny ^bandro na ny ora, saingy ho avy marina tokoa izany.

22 Ary izay mandray ireto zavatra ireto dia mandray Ahy; ary hangonina ho Ahy ireo amin’ ny fotoam-pahavelomana sy amin’ ny mandrakizay.

23 Ary ankoatra izany, ny zavatra hitranga dia hametra-^atanana amin’ izay rehetra hataonao batisa amin’ ny rano ianao, ary handray ny ^bfanoomezana ny Fanahy Masina ireo ary ^dhiandrindra ny famantarana ny amin’ ny “fiaviako sy hahafantatra Ahy.

24 Indro, avy faingana Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 40

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao Fayette, New York, ny volana Janoary 1831 (History of the Church, 1:145). Talohan’ ny niraketana ity fanambarana ity, dia nanoratra ny Mpaminany hoe: “Noho i James Covill nitsipaka ny tenin’ ny Tompo ary niverina amin’ ny fitsipika nananany teo aloha sy ny olony, dia nomen’ ny Tompo ahy sy an’ i Sidney Rigdon izao fanambarana manaraka izao” (History of the Church, 1:145).

15a F&F 38:32; 95:8;
110:8–10.

b TSM Asa Fitoriana.
d F&F 1:2.

17a Jakôba 5:61–75;
F&F 24:19.

18a TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

20a TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

21a JS—M 1:40.

b Mat. 24:36.

23a TSM Fametrahan-
tanana.

b TSM Fanoomezana ny
Fanahy Masina.

d Fan. 3:3;

F&F 35:15; 45:39–44.

e 2 Pet. 3:10–14.

1–3, *Ny fahatahorana ny fanen-jehana sy ny fiahiahiana izao fiainana izao no mahatonga ny fitsipahana ny filazantsara.*

INDRO, lazaiko aminareo marina tokoa, fa nahitsy teo anoloako ny fon' i "James Covill mpanompoko, satria nifanaiky Tamiko izy fa hankatò ny teniko.

2 Ary "noraisiny tamim-pifaliana ny teny, saingy nalain' i Satana fanahy niaraka tamin' izay izy; ary ny fahatahorana ny ^bfanen-jehana sy ny fiahiahiana izao fiainana izao no nahatonga azy ^dhitsipaka ny teny.

3 Koa nivadihany ny fanekepihavanako, ary andraikitra ny manao aminy araka izay heveriko ho mety. Amena.

FIZARANA 41

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 4 Febroary 1831 (History of the Church, 1:146–147). Nitombo isa faingana tokoa ny sampan' ny Fiangonana tao Kirtland tamin' io fotoana io. Hoy ny Mpaminany raha nanoratra ny sasin-tenin' ity fanambarana ity: "Niezaka ny mpikambana ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra arakaraka ny nahafantarany izany, na dia nisisika tany anivony aza ny hevitra hafahafa sy ny fanahy sandoka . . . [ary] nomen' ny Tompo ho an' ny Fiangonana izao manaraka izao" (History of the Church, 1:146–147).

1–3, *Hitondra ny Fiangonana amin' ny alalan' ny fanahin' ny fanambarana ireo loholona; 4–6, Handray sy hitandrina ny lalàn' ny Tompo ny mpianatra marina; 7–12, Notendrena ho evekan' ny Fiangonana i Edward Partridge.*

MIHAINGA sy mandrenesa, ô ianareo ry oloko, hoy ny Tompo sy Andriamanitrareo, finaritra Aho ny "mitahy anareo amin' ny lehibe indrindra amin' ny fitahiana rehetra, ianareo izay mihaino Ahy; ary ianareo izay tsy mihaino Ahy,

izay efa ^bnanaiky ny anarako, dia ^dhozoniko amin' ny mavesatra indrindra amin' ny ozona rehetra.

2 Mihainoa ianareo ry loholon' ny fiangonako, izay efa nantsoiko, indro, omeko anareo ny didy hiarahanareo mivory mba "hifanekenareo amin' ny teniko;

3 Ary amin' ny fivavaky ny finoanareo no handraisanareo ny ^alalàko, mba hahafantarana-reo ny fomba hitondrana ny fiangonako ary hanananareo ny zavatra rehetra araka ny hitsiny eo anoloako.

40 1a F&F 39:7–11.

2a Mar. 4:16–19.

b Mat. 13:20–22.

TSM Fanen-jehana.

d TSM Apôstazia.

41 1a TSM Fitahiana.

b F&F 56:1–4;

112:24–26.

d Deot. 11:26–28;

1 Ne. 2:23.

2a TSM Firaisan-kina.

3a F&F 42.

4 Ary Izaho no ho "mpanapaka anareo rehefa ^bho avy Aho; ary indro, avy faingana tokoa Aho, ary hataonareo izay hitandremana ny lalàko.

5 Izay "mandray ny lalàko ary ^bmanao izany, dia izy no mpianatro; ary izay milaza ho mandray izany nefa tsy manao izany, dia tsy mpianatro izy ka ^dhoroahina hiala avy eo anivonareo;

6 Fa tsy mety raha ny zavatra izay an' ny zanaky ny fanjakana no homena ho an' ireo izay tsy mendrika, na ho an' ny "alika, na raha ny ^bvoahanginareo no hatsipy eo anoloan' ny kisoa.

7 Ary ankoatra izany, dia mety ny hampanorenan' i Joseph Smith zanany mpanompoko "trano izay hitoerany sy ^bhandikany ny teny.

8 Ary ankoatra izany dia mety ny hiveloman' i Sidney Rigdon araka izay hitany fa

tsara, raha mbola tandremany ny didiko.

9 Ary ankoatra izany, dia efa niantso an' i "Edward Partridge mpanompoko Aho; ary omeko ny didy mba hatokan' ny feon' ny fiangonana izy ary hatokana ho ^bevakan' ny fiangonana ka hamela ny fivarotany sy ^dhandany ny fotoany rehetra amin' ny asan' ny fiangonana;

10 Ka hisahana ny zava-drehetra, araka izay hanendrena izany ho azy ao amin' ireo lalàko, amin' ny andro izay hanoomezako azy ireo.

11 Ary izany, dia noho ny fony madio eo anoloako, fa izy dia tahaka an' i "Natanaela fahiny izay tsy misy ^bfitaka ao aminy.

12 Omena anao ireo teny ireo, ary madio ireo eo anoloako; koa tandremo ny fomba hiheveranao ireo, fa hovaliana amin' ny fanahinao ireo amin' ny andro fitsarana. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 42

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 9 Febroary 1831 (History of the Church, 1:148-154). Noraisina teo anatrehan' ny loholona roa ambin' ny folo izany ho fanatanterahana ny fampanantenan' ny Tompo natao tany aloha, fa ny "lalàna" dia homena any Ohio (jereo fizarana 38:32). Nomarihin' ny Mpaminany fa "mirakitra ny lalàn' ny Fiangonana" ity fanambarana ity (History of the Church, 1:148).

4a Zak. 14:9; F&F 45:59.
tsm Jesoa Kristy—
Fanjakan' i Kristy
amin' ny Arivotaona.
b tsm Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.
5a Mat. 7:24.
b Jakoba 1:22-25;

F&F 42:60.
d F&F 50:8-9.
tsm Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
6a Mat. 15:26.
b Mat. 7:6.
7a F&F 42:71.
b IE mandika ny

Baiboly.
F&F 45:60-61.
9a F&F 36:1.
b F&F 72:9-12; 107:68-75.
tsm Eveka.
d F&F 51.
11a Jao. 1:47.
b tsm Fanangolena.

1-10, Antsoina ireo loholona mba hitory ny filazantsara, hanao batisa an' ireo niova fo ary hanorina ny Fiangonana; 11-12, Tokony hantsoina sy hatokana izy ireo ary tokony hampianatra ny fitsipika ny filazantsara hita ao amin' ny soratra masina; 13-17, Tokony hampianatra sy haminany amin' ny herin' ny Fanahy izy ireo; 18-29, Didina ireo Olomasina tsy hamono olona, tsy hangalatra, tsy handainga, tsy hitsiriritra, tsy hantsakitsa-bady na hiteny ratsy ny hafa; 30-39, Aroso etoana ny lalàna mifehy ny fanokanana fananana; 40-42, Melohina ny avonavona sy ny fidonahanam-poana; 43-52, Tokony hositrana amin' ny alalan' ny fametrahana-tanana sy ny finoana ny marary; 53-60, Mifehy ny Fiangonana ny soratra masina ary tokony hotoriana amin' izao tontolo izao; 61-69, Hambara ny toerana hisy an' i Jerosalema Vao-vao sy ireo mistery momba ny fanjakana; 70-73, Tokony hampiasaina ho fanohanana ny mpitondra Fiangonana ireo fananana voatokana; 74-93, Aroso etoana ireo lalàna mifehy ny fijangajangana, ny fanitsakitsaham-bady, ny famonoana olona, ny halatra ary ny fibabohana amin' ny fahotana.

MIHAINOA, ô ianareo ry loholon' ny fiangonako, izay miara-mivory amin' ny anarako, dia i Jesoa Kristy, ny Zanak' ilay Andriamanitra velona, ny Mpamonjy izao tontolo izao; satria mino ny anarako ianareo ary mitandrina ny didiko.

2 Lazaiko aminareo indray, mihainoa sy mandrenesa ary ankatoavy ny "lalàna izay homeko anareo.

3 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, koa satria efa niara-nivory ianareo, araka ny "didy izay nandidiako anareo, ary mifanai-ky ^bamin' ity zavatra iray ity sy efa nangataka ny Ray tamin' ny anarako, dia handray ianareo.

4 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, omeko anareo izao didy voalohany izao dia ny handehananareo amin' ny anarako, ny tsirairay avy aminareo, afatsy i Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon mpanompoko.

5 Ary omeko azy ireo ny didy handehananany mandritra ny fotoana fohy, ary homen' ny herin' ny "Fanahy ny fotoana hiverenany.

6 Ary handeha "tsiroaroa amin' ny anarako ianareo, amin' ny herin' ny Fanahiko, hitory ny filazantsarako, hanandratra ny feonareo toy ny amin' ny faneonon' ny trompetra, hanambara ny teniko toy ny anjelin' Andriamanitra.

7 Ary handeha ianareo sady hanao batisa amin' ny rano, manao hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo, fa efa akai-ky ny fanjakan' ny lanitra.

8 Ary avy eo amin' ity toerana ity no hiainganareo mankamin' ny faritra andrefana; ary arakarakana ny hahitanareo ireo izay handray anareo no hanorenanareo ny fiangonako amin' ny faritra tsirairay —

9 Mandra-pahatongan' ny fotoana izay hanambarana, avy any ambony, aminareo ny fotoana izay hanomanana ny "tananan' i ^bJerosalema Vaovao, mba hahazoana "manangona anareo ho iray, mba hahatonga anareo ho "oloko ary Izaho ho Andriamanitrareo.

10 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa i "Edward Partridge mpanompoko dia hisahana ny anjara fanompoana izay efa nanendreko azy. Ary ny zavatra hitranga raha mandika lalàna izy, dia olona ^biray hafa no hotendrena eo amin' ny toerany. Izany tokoa. Amena.

11 Ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa tsy homena na iza na iza ny handeha "hitory ny filazantsarako na ny hanorina ny fiangonako, raha tsy ^bnatokan' ny olona izay manana "fahefana izy sady fantatry ny fiangonana fa manana fahefana ary efa natokan' ny lohan' ny fiangonana araka ny fitsipika.

12 Ary ankoatra izany, ny "loholona, ny mpisorona ary ny mpampianatra ao amin' ity fiangonana ity dia ^bhampiana-

tra ireo fitsipiky ny filazantsarako, izay ao amin' ny "Baiboly sy ny "Bokin' i Môrmôna izay ao aminy no misy ny fahafenoan' ny ^ffilazantsara.

13 Ary hotandreman' izy ireo ny fanekepiahavanana sy ny toromariky ny fiangonana ka harahiny, ary ireo no hampianariny araka izay hitarihan' ny Fanahy azy ireo.

14 Ary homena anareo ny Fanahy amin' ny "fivavaky ny finoana; ary raha tsy mandray ny ^bFanahy ianareo dia tsy hampianatra.

15 Ary izany rehetra izany no hotandremanareo mba hatao araka izay efa nandidiako momba ny fampianaranareo, ambara-panomezana ny fahafenoan' ny "soratra masina.

16 Ary rehefa hanandratra ny fonareo amin' ny alalan' ny "Mpampionona ianareo dia hiteny sy haminany araka izay heveriko ho mety;

17 Fa indro, mahalala ny zavadrehetra ny Mpampionona sady vavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka.

18 Ary ankehitriny indro, miteny amin' ny fiangonana Aho.

9a F&F 57:1–2.

b Etera 13:2–11;

F&F 45:66–71; 84:2–5;

Mos. 7:62;

Fp. 1:10.

TSM Jerosalema

Vaovao.

d TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny

Isiraely.

e Zak. 8:8.

10a F&F 41:9–11; 124:19.

b F&F 64:40.

11a TSM Mitory.

b TSM Antso, Antsoin'

Andriamanitra;

Manokana.

d TSM Fahefana;

Fisoronana.

12a TSM Loholona.

b Môsià 18:19–20;

F&F 52:9, 36.

TSM Mampianatra.

d TSM Baiboly.

e TSM Bokin' i

Môrmôna; Soratra

Masina—Ny

hasarobidin' ny

Soratra Masina.

f TSM Filazantsara.

14a F&F 63:64.

TSM Vavaka.

b TSM Fanahy Masina;

Mampianatra—

Mampianatra

miaraka amin' ny

Fanahy.

15a F&F 42:56–58.

16a 2 Tan. 2:10–14;

F&F 68:2–4.

TSM Mpampionona.

Ianao dia tsy “hamono olona, ary izay ^bmamono olona dia tsy hahazo famelana eo amin’ izao fiainana izao na any amin’ ny fiainana ho avy.

19 Ary lazaiko indray, ianao dia tsy hamono olona; fa izay mamono olona dia ho “faty.

20 Ianao dia tsy “hangalatra; ary izay mangalatra ka tsy mibebaka dia horoahina hiala.

21 Ianao dia tsy “handainga; izay mandainga ka tsy mibebaka dia horoahina hiala.

22 Ianao dia ho “tia ny andefimandrinao amin’ ny fonao manontolo, ka ^bhifikitra aminy fa tsy amin’ ny olona hafa.

23 Ary izay mijery vehivavy ka “mitsiriritra azy dia handà ny finoana ka tsy hanana ny Fana-hy; ary raha tsy mibebaka izy dia horoahina hiala.

24 Ianao dia tsy “hanitsakitsabady; ary izay manitsakitsabady ka tsy mibebaka dia horoahina hiala.

25 Nefa izay efa nanitsakitsabady ka “mibebaka amin’ ny fony manontolo, ary mahafofy izany ka tsy manao izany intsony, dia ^bhavelanao heloka;

26 Nefa raha manao izany “indray izy dia tsy ho voavela heloka fa horoahina kosa hiala.

27 Ianao dia tsy “hiteny ratsy ny namanao na hanisy ratsy azy.

28 Fantatrao fa ny lalàko momba ireo zavatra ireo dia omena ao amin’ ny soratra masina; izay manota ka tsy mibebaka dia “horoahina hiala.

29 Raha “tia Ahy ianao dia ^bhanompo Ahy ary ^dhitandrina ny didiko rehetra.

30 Ary indro, hahatsiaro ny “mahantra ianao ary ^bhanokana, amin’ ny alalan’ ny fanekempihavanana sy ny soratra izay tsy azo ravana, ny ampahany amin’ ny fanananao ka tokony hozarainao ho azy ho ^dfanohanana azy.

31 Ary rehefa “mizara amin’ ny fanananao ho an’ ny ^bmahantra ianao, dia Amiko no hanaovanao izany; ary izany dia hapetraka eo anoloan’ ny ^devekan’ ny fiangonako sy ny mpanolotsainy, ny roa amin’ ireo loholona na mpisorona avo, dia ireo izay hofidiany na efa nofidiany ary “notendrena ho amin’ izany tanjona izany.

18a Eks. 20:13–17;

Mat. 5:21–37;

2 Ne. 9:35;

Môsà 13:21–24;

3 Ne. 12:21–37.

b TSM Famonoan’ Olona.

19a TSM Famaizana ho Faty.

20a TSM Mangalatra.

21a TSM Fahamarinan-toetra; Lainga.

22a TSM Fitiavana;

Fanambadiana.

b Gen. 2:23–24;

Ef. 5:25, 28–33.

23a Mat. 5:28;

3 Ne. 12:28;

F&F 63:16.

TSM Mitsiriritra.

24a TSM Fanitsakitsahabady.

25a TSM Fibebahana.

b Jao. 8:3–11.

TSM Mamela.

26a 2 Pet. 2:20–22;

F&F 82:7.

27a TSM Fifosana.

28a TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

29a Jao. 14:15, 21.

b TSM Fanompoana.

d TSM Mankatò.

30a Môsà 4:16–26;

Almà 1:27.

TSM Mahantra.

b TSM Manokana.

d TSM Asa

Fanasoavana.

31a Môsà 2:17.

TSM Fiantrana.

b TSM Mahantra.

d TSM Eveka.

e TSM Atokana.

32 Ary ny zavatra hitranga, rehefa voapetraka eo anoloan' ny evekan' ny fiangonako iza-ny ary rehefa noraisiny ireo tenivavolombelona momba ny "fanokanana ny fananan' ny fiangonako ireo hany ka tsy azo esorina amin' ny fiangonana izany, araka ny didiko, dia ho tonga ^btompon' andraikitra Amiko ny olona tsirairay, ho ^dmpitandrina ny fananany ihany, na izay efa noraisiny tamin' ny alalan' ny fanokanana fananana, araka izay sahaza ho azy sy ho an' ny "ankohonany.

33 Ary ankoatra izany, raha misy aorian' izany fanokanana fananana voalohany izany fananana eo an-tanan' ny fiangonana, na ny olona mpikambana ao aminy, ka mihoatra noho izay ilainy ho fivelomany sady "ambiny tokony hatokana ho an' ny eveka, dia hotehirizina izany mba hozaraina ombieny ombieny amin' ireo izay tsy manana, ka ny olona tsirairay izay sahirana dia mba ho ampy vatsy sy handray araka izay ilainy.

34 Koa ny ambiny dia hotehirizina ao an-trano fitehirizako, mba hozaraina ho an' ny mahantra sy ny sahirana araka izay hotapahin' ny filankevitra avo ao amin' ny fiangonana, ary ny eveka sy ny filankeviny;

35 Ary mba hividianana tany

ho an' ny tombontsoa iombonana ao am-piangonana, sy hanorenana trano fiderana ary hanorenana an' i "Jerosalema Vaovao izay hambara rahatrizay—

36 Mba ho azo angonina ho iray ny olon' ny fanekepimihanako amin' ilay andro izay "hiaviako ao amin' ny ^btempolika. Ary izany no ataoko dia ho famonjena ny oloko.

37 Ary izao no zavatra hitranga, fa izay manota ka tsy mibebaka dia "horoahina hiala amin' ny fiangonana ary tsy hahazo intsony izay efa ^bnatokany ho an' ny mahantra sy ny sahirana ao amin' ny fiangonako, na amin' ny teny hafa, ho Ahy—

38 Fa araka izay "ataonareo amin' ny kely indrindra amin' ireto no ataonareo Amiko.

39 Fa izao no zavatra hitranga, izay noteneniko tamin' ny vavan' ny mpaminaniko dia ho tanteraka; fa Izaho hanokana amin' ny haren' ireo izay manaiky ny filazantsarako any anivon' ny Jentilisa ho an' ny mahantra amin' ny oloko izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

40 Ary ankoatra izany, dia tsy "hiavonavona ao am-ponao ianao, aoka ny ^bfitafianao rehetra ho tsotra ary ny hatsarany dia ny hatsaran' ny asan' ny tana-nao ihany.

32a F&F 51:4.

b F&F 72:3–11.

TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

d TSM Fitantanandrahara.

e F&F 51:3.

33a F&F 42:55; 51:13;

119:1–3.

35a TSM Jerosalema Vaovao; Ziona.

36a F&F 36:8.

b Mal. 3:1.

37a F&F 41:5; 50:8–9.

TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

b TSM Manokana.

38a Mat. 25:34–40.

TSM Fiantrana; Asa Fanasoavana.

40a Ohab. 16:5.

TSM Fiavonavonana.

b TSM Fahatsorana.

41 Ary aoka ny zava-drehetra hatao amin' ny fahadiovana eo anoloako.

42 Tsy "hidonanaha-poana ianao; fa izay midonanaha-poana dia tsy hihinana ny mofo na hanao ny fitafian' ny mpiasa.

43 Ary na zovy na zovy no "marary eo anivonareo ary tsy manam-pinoana ny ho sitrana, nefa mino, dia amin' ny fanambatambazana fatratra no hamahanana azy raokandro sy hani-maivana, ary izany dia tsy amin' ny tanan' ny fahavalo.

44 Ary loholon' ny fiangonana roa na telo no hantsoina ka hivavaka sy "hametra-tanana aminy amin' ny anarako; ary raha maty izy dia ho ^bfaty ho Ah, ary raha velona izy dia ho velona ho Ah.

45 Ianareo dia "hiara-honina ^bamim-pitiavana, ka "hitomany ny famoizana an' izay maty, ary indrindra indrindra an' ireo izay tsy manana "fanantenana ny amin' ny fitsanganana amin' ny maty be voninahitra.

46 Ary izao no hitranga, fa ireo izay maty ao Amiko dia tsy hanandrana "fahafatesana fa ho ^bmamy aminy izany;

47 Ary ireo izay tsy maty ao

Amiko dia lozany fa mangidy ny fahafatesany.

48 Ary ankoatra izany, dia izao no zavatra hitranga fa izay manam-"pinoana Ah, mba ho ^bsitrana, ary tsy ^dvoatendry ny ho faty, dia ho sitrana.

49 Izay manam-pinoana ny hahita dia hahita.

50 Izay manam-pinoana ny handre dia handre.

51 Ny mandringa izay manam-pinoana ny hitsambikina dia hitsambikina.

52 Ary ireo izay tsy manam-pinoana ny hanao ireo zavatra ireo, nefa mino Ah, dia manana hery ho tonga "zanako; ary raha toa ka tsy dikainy ny lalàko, dia ^bhozakainao ny fahalemeny.

53 Ianao dia hifototra eo amin' ny toerana misy ny "fitantanandraharahanao.

54 Ianao dia tsy haka ny fitafian' ny rahalahinao; haloanao vola izay horaisinao avy any amin' ny rahalahinao.

55 Ary raha "mahazo mihoatra noho izay tokony ho fivelomanao ianao, dia homenao ho an' ny ^btrano fitehirizako izany mba ho azo atao, araka izay efa nolazaiko, ny zava-drehetra.

56 Hangataka ianao, dia home-na, araka izay efa notinendri-

42a F&F 68:30–32.

TSM Midonana-poana.

43a TSM Marary.

44a TSM Fitsofan-drano

ny Marary;

Fametrahan-tanana.

b Roma. 14:8;

Fan. 14:13;

F&F 63:49.

45a 1 Jn. 4:16, 20–21.

b TSM Fitiavana.

d Almà 28:11–12.

e 2 Tan. 15:19–22.

TSM Fanantenana.

46a TSM Fahafatesan' ny Vatana.

b Fan. 14:13.

48a F&F 46:19.

TSM Finoana.

b TSM Manasitrana.

d Mpito. 3:1–2;

Asa 17:26;

Heb. 9:27;

F&F 122:9.

52a TSM Zanakalahy sy

Zanakavavin'

Andriamanitra.

b Roma. 15:1.

TSM Fihavanana.

53a TSM Fitantanandraharaha.

55a F&F 82:17–19; 119:1–3.

b F&F 42:34; 51:13.

ko, ny “soratra masina, ary ^bho-tehirizina amin’ ny toerana azo antoka izany;

57 Ary ilaina ny tokony hanginanao momba izany ka tsy hampianaranao izany ambara-pahazoanao izany feno.

58 Ary omeko didy ianao fa amin’ izay no hampianaranao izany ny olon-drehetra; fa izany dia hampianarina ny “firenen-drehetra, ny foko, ny samy hafa fiteny ary ny mponina.

59 Ianao dia haka ny zavatra izay efa noraisinao, izay efa nomena anao ao amin’ ny soratra masina ho lalàna, mba ho lalàko hitondrana ny fiangoanako.

60 Ary izay “manao araka ireo zavatra ireo dia ho voavonjy, ary izay tsy manao ireo dia ^bhohelohina raha manohy izany.

61 Raha mangataka ianao dia handray “fanambarana miampy fanambarana, ^bfahalalana miampy fahalalana, mba hahafantaranao ireo “mystery sy ireo “zavatra mitondra fiadanana — izay mitondra ^ffifaliana, izay mitondra fiainana mandrakizay.

62 Hangataka ianao dia hambara aminao amin’ ny fotoana mahamety izany Amiko ny toerana hanorenana an’ i “Jerosalema Vaovao.

63 Ary indro, izao no zavatra hitranga fa ireo mpanompoko dia hirahina ho any atsinanana sy ho any andrefana, ho any avaratra sy ho any atsimo.

64 Ary na dia ankehitriny aza, aoka izay mandeha ho any atsinanana hampianatra ireo izay hiova fo mba handositra mankany “andrefana, ary izany dia noho izay ho avy eto an-tany sy noho ny ^btsikombakomba mifafina.

65 Indro, hotandremanareo ireo zavatra rehetra ireo, ary ho lehibe ny valisoanareo, fa ianareo no omena mba hahalala ny misterin’ ny fanjakana, fa tsy omena ho an’ izao tontolo izao ny hahalala izany.

66 Hotandremanareo ny lalàna izay efa noraisinareo ary ho mahatoky ianareo.

67 Ary horaisinareo rahatrizay ireo “fanekepihavanan’ ny fiangonana, dia izay ho ampy hampiorina anareo, na eto na any Jerosalema Vaovao.

68 Koa, izay tsy ampy “fahendrena, aoka izy hangataka Amiko, ary Izaho hanome azy malalaka sady tsy handatsa.

69 Asandrato ny fonareo ary mifalia, fa ianareo no nanomezana ny “fanjakana, na amin’

56a ho fandraisana ho mpikambana ireo natao batisa vao haingana.
b TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin’ ny Soratra Masina.
58a F&F 1:2.
60a F&F 41:5.
TSM Mankatò.
b Mos. 5:15.

TSM Fahamelohana.
61a TSM Fanambarana.
b Abr. 1:2.
TSM Fahalalana;
Fijoroana ho Vavolombelona.
d F&F 63:23.
TSM Misterin’
Andriamanitra.
e F&F 39:6.
f TSM Fifaliana.

62a F&F 57:1–5.
64a F&F 45:64.
b TSM Tsikombakomba Mifafina.
67a F&F 82:11–15.
68a Jakoba 1:5.
TSM Fahendrena.
69a TSM Fanjakan’
Andriamanitra na Fanjakan’ ny Lanitra.

ny teny hafa, ny ^bfanalahidin' ny fiangonana. Izany tokoa. Amena.

70 Ny ^ampisorona sy ny ^bmpampianatra dia hanana ny ^dfitantanana-draharahany taha-ka ny mpikambana.

71 Ary ny fianakavian' ny loholona na ny mpisorona avo izay voatendry ho mpanolotsaina manampy ny eveka amin' ny zava-drehetra dia tokony hovelomina avy amin' ny fananana izay "natokana tamin' ny alalan' ny eveka ho an' ny tombontsoan' ny mahantra sy ho an' ireo tanjona hafa, toy izay voalaza teo aloha;

72 Na koa tokony handray tambiny sahaza izy amin' ny fanompoany rehetra, na fitantanana-draharaha izany na zavatra hafa, araka izay azo heverina ho tsara indrindra na araka izay notapahin' ireo mpanolotsaina sy ny eveka.

73 Ary ny eveka koa dia handray ny fivelomany na ny tamby sahaza azy amin' ireo fanompoany rehetra ao mpiangonana.

74 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa na zovy na zovy eo anivonareo no manary ny vadiny noho ny ^afijangajangana, na amin' ny teny hafa, raha mijoro ho vavolombelona eo anoloanareo amin' ny fietren' ny fo manontolo izy fa izay no

mitranga, dia tsy horoahinareo hiala avy eo anivonareo izy;

75 Fa raha mahita olona nandao ny vadiny mba ^ahanitsakitsa-bady ianareo ary ny tenany mihitsy no fototry ny fahotana, nefa mbola velona ny vadiny, dia ^bhoroahinareo izy hiala avy eo anivonareo.

76 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa tokony ho ^amailo sy hitandrana ianareo amin' ny fanadihadiana rehetra, mba tsy handraisanareo ny olona toy izany eo anivonareo raha manambady izy;

77 Ary raha tsy manambady izy dia hibe-baka amin' ny fahotany rehetra, fa raha tsy izany dia tsy horaisinareo izy.

78 Ary ankoatra izany, ny olona tsirairay izay ao anatin' ity fiangonan' i Kristy ity dia tokony hiezaka ny hitandrana ny didy rehetra sy ny fanekempihavanana ny fiangonana.

79 Ary izao no zavatra hitranga fa raha misy olona eo anivonareo ka ^amamono olona, dia hatolotra sy hoentina araka ny lalàn' ny tany izy; satria tsarovy fa tsy mahazo famelan-keloka izy; ary hoporofoina araka ny lalàn' ny tany izany.

80 Ary izay lehilahy na vehivavy ka manitsakitsa-bady, dia hotsaraina eo anoloan' ny loholona roa na mihoatra avy amin' ny fiangonana izy, ary ny

69b Mat. 16:19; F&F 65:2.
TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

70a TSM Mpisorona,
Fisoronana Aharôna.
b TSM Mpampianatra,
Fisoronana Aharôna.

d TSM Fitantanana-
draharaha.

71a TSM Manokana.

74a TSM Fijangajangana;
Fitondrantena
Maloto.

75a TSM Fanitsakitsaham-

bady.

b TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.

76a TSM Mpiambina.

79a TSM Famonoan'
Olona.

teny rehetra dia ho voaorin' ny vavolombelona roa avy amin' ny fiangonana fa tsy avy amin' ny fahavalo, hiampangana azy; nefa raha misy mihoatra ny roa ny vavolombelona, dia vao mainka tsara.

81 Saingy homelohin' ny vavan' ny vavolombelona roa izy; ary hoentin' ny loholona eo anoloan' ny fiangonana ny raharaha, ka hanangana ny tanany ny fiangonana hiampanga azy, mba ho azo entina araka ny lalàn' Andriamanitra izy.

82 Ary raha azo atao, dia ilaina ny maha eo koa ny eveka.

83 Ary dia toy izany no hataonareo amin' ny toe-javatra rehetra ho avy eo anoloanareo.

84 Ary raha misy lehilahy na vehivavy mandroba, dia hatolotra ny lalàn' ny tany izy.

85 Ary raha "mangalatra izy dia hatolotra ny lalàn' ny tany.

86 Ary raha "mandainga izy dia hatolotra ny lalàn' ny tany.

87 Ary raha manao izay mety ho faharatsiana izy dia hatolotra ny lalàna, dia ny an' Andriamanitra.

88 Ary raha "manafintohina

anao ny ^brahalahinao na ny anabavinao, dia halaina izy ary hitokana ianareo; ka raha "mibaboka izy, dia hiombona ianareo.

89 Ary raha tsy mibaboka izy dia hatolotrao ny fiangonana, tsy hatolotrao ny mpikambana fa ny loholona kosa. Ary hatao ao anaty fivoriana izany fa tsy eo anoloan' izao tontolo izao.

90 Ary raha manafintohina ny maro ny rahalahinao na ny anabavinao, dia "hanarina eo anoloan' ny maro izy.

91 Ary raha misy olona manafintohina ampahibemaso, dia hanarina ampahibemaso izy mba hahatonga azy ho menatra. Ary raha tsy mibaboka izy dia hatolotra ny lalàn' Andriamanitra.

92 Raha misy olona manafintohina any amin' ny miafina, dia hanarina any amin' ny miafina izy mba hananany sehatra hibabohana any amin' ny miafina amin' ilay notafintohininy sy amin' Andriamanitra, mba tsy hahazoan' ny fiangonana maniny azy.

93 Ary dia toy izany no hataonareo amin' ny zava-drehetra.

FIZARANA 43

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny volana Febroary 1831 (History of the Church, 1:154–156). Tamin' io fotoana io dia voakorontan' ireo olona nanao filazana diso ka nihambo ho mpanambara ny mpikambana sasany amin' ny Fiangonana. Nanontany ny Tompo ny Mpaminany ka nahazo ity filazana izay miantefa amin' ny loholon' ny Fiangonana ity. Ny ampahany voalohany dia mikasika ny fitondrana ny Fiangonana; ny ampahany

85a TSM Mangalatra.
86a TSM Fahamarinantoetra; Lainga.

88a Mat. 18:15–17.
b TSM Rahalahy; Rahavavy.

d TSM Miaiky.
90a TSM Famaizana.

faharoa dia mirakitra fampitandremana izay tokony hampitain' ireo loholona amin' ireo firenena eto an-tany.

1-7, *Amin' ny alalan' ilay efa voatendry ihany no ahatongavan' ireo didy sy fanambarana*; 8-14, *Hamasinina amin' ny fiasana amin-pahamasinana tanteraka eo anoloan' ny Tompo ny Olomasina*; 15-22, *Nirahina ny loholona hiantsoantso fibebahana sy hanomana ny olona ho amin' ny andro lehiben' ny Tompo*; 23-28, *Miantso ny olona amin' ny alalan' ny feony ihany sy amin' ny alalan' ny herin' ny voary ny Tompo*; 29-35, *Ho avy ny Arivo-taona sy ny famatorana an' i Satana.*

Ô MIHAINOA ianareo ry loholon' ny fiangonako ary mampandria sofina amin' ny teny izay hoteneniko anareo.

2 Fa indro lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa efa nandray didy ho "lalàna ho an' ny fiangonako ianareo, tamin' ny alalan' ilay efa notinendriko ho anareo mba handray ireo ^bdidy sy fanambarana avy amin' ny tanako.

3 Ary izao no ho fantatreo marina tokoa — fa tsy misy olon-kafa voatendry ho anareo mba handray ireo didy sy fanambarana, ambara-pakako azy raha ^amitoetra ato Amiko izy.

4 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa, fa ^atsy misy olon-kafa hotendrena ho amin' ity fanomezam-pahasoavana ity raha

tsy amin' ny alalany; fa raha esorina aminy izany, dia tsy hana hery izy afa-tsy ny hanendry olona iray hafa ho eo amin' ny toerany.

5 Ary ho lalàna ho anareo izao, dia ny tsy handraisanareo ho toy ny fanambarana na didy ny fampianaran' izay ho tonga eo anoloanareo;

6 Ary izao no omeko ho anareo, dia ny tsy hahazoana ^amamitaka anareo, mba hahafantaranareo fa tsy avy Amiko izany.

7 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, izay ^avoatokako dia hidi-tra amin' ny ^bvavahady ka hatokana araka izay efa nolazaiko taminareo tany aloha, mba hampianatra ireto fanambarana izay efa noraisinareo ireto ary horaisinareo amin' ny alalan' ilay efa notinendriko.

8 Ary ankehitriny indro, omeko didy ianareo, fa rehefa miaramivory ianareo dia ^ahifananatra sy hifampahery, mba hahafantaranareo ny fomba hatao hitondrana ny fiangonako, ny tokony hatao momba ireo lafiny amin' ny lalàko sy ny didiko izay efa nomeko.

9 Ary dia toy izany no hahatonga anareo hahay ny lalàn' ny fiangonako ary ^ahohamasinin' izay efa noraisinareo, ka hofe-

43 2a F&F 42.
b TSM Didin'
Andriamanitra;
Fanambarana.
3a Jao. 15:4.

4a F&F 28:2-3.
6a F&F 46:7.
TSM Fitaka.
7a TSM Manokana.
b Mat. 7:13-14;

2 Ne. 9:41; 31:9, 17-18;
3 Ne. 14:13-14;
F&F 22:1-4.
8a F&F 88:77.
9a TSM Fanamasinana.

hezinareo ny tenanareo mba handeha amin' ny fahamasinana rehetra eo anoloako—

10 Ka raha manao izany ianareo, dia ^ahampiana voninahitra ny fanjakan' izay efa noraisinareo. Raha tsy manao izany ianareo, dia ^bhoesorina na dia izay efa noraisinareo aza.

11 Diovinareo hiala ny ^afaharatsiana izay eo anivonareo; hamasino eo anoloako ny tenanareo;

12 Ary raha irinareo ireo voninahitry ny fanjakana, dia tendreo i Joseph Smith zanany mpanompoko ary ^atohano eo anoloako amin' ny fivavaky ny finoana izy.

13 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, fa raha irinareo ireo ^amistery momba ny fanjakana, dia ivatsio hanina sy fitafiana izy ary rehefa mety ho zavatra ilainy hanatontosana ny asa izay efa nandidiako azy;

14 Ary raha tsy manao izany ianareo, dia hitoetra ho an' ireo izay efa nandray azy izy mba hahazoako mitahiry ho an' ny tenako ^avahoaka madio eo anoloako.

15 Lazaiko indray, mihainoa ianareo ry loholon' ny fiangonako izay efa notendreko: tsy

nirahina mba hampianarina ianareo fa mba ^ahampianatra kosa ny zanak' olombelona ny zavatra izay efa napetrako eo an-tananareo tamin' ny herin' ny ^bFanahiko;

16 ^aAry hampianarina avy any ambony ianareo. ^bHamasino ny tenanareo, dia ^dhotafiana amin' ny hery ianareo, mba hahazoanareo manome araka izay efa noteneniko.

17 Mihainoa ianareo, fa indro, efa antomotra sady akaiky ilay ^aandro ^blehiben' ny Tompo.

18 Fa avy ny andro izay hamoahan' ny Tompo ny ^afeony avy any an-danitra; ^bhihozongozona ny lanitra ary ^dhihorohoro ny tany, ary haneno maharitra sady mafy ny ^etrompetran' Andriamanitra ka hiteny amin' ny firenena matory manao hoe: Ianareo Olomasina, ^fmitsangàna ary veloma; ianareo mpanota, ^gmitomoera ary ^hmatoria mandra-piantsoko indray.

19 Koa sikino ny valahanareo fandrao ho hita eo anivon' ny olon-dratsy ianareo.

20 Asandrato ny feonareo ary aza mitsitsy. Antsoy ireo firenena hibe-baka, na antitra na tanora, na mifatotra na afaka, ka ataovy hoe: Omano ny tena-

10a Almà 12:10.

^b Mar. 4:25.

11a TSM Fahotana.

12a TSM Fanohanana ireo Mpitondra ny Fiangonana.

13a TSM Misterin' Andriamanitra.

14a TSM Madio.

15a TSM Asa Fitoriana.

^b TSM Mampianatra—Mampianatra

miaraka amin' ny Fanahy.

16a TSM Fitaoman' ny Fanahy.

^b TSM Fanamasinana.

^d Lio. 24:49;

F&F 38:32; 95:8–9; 110:8–10.

17a F&F 29:8.
TSM Fiavian' i Jesoa Kristy
Fanindroany.

^b Mal. 4:5;

F&F 2:1; 34:6–9.

18a Joe. 2:11;

F&F 133:50.

^b Joe. 2:10; 3:16;

F&F 45:48.

^d F&F 88:87.

^e F&F 29:13; 45:45.

^f TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

^g F&F 76:85; 88:100–101.

^h Môrm. 9:13–14.

nareo ho amin' ny andro lehiben' ny Tompo;

21 Fa raha Izaho izay olona aza no manandratra ny feoko ary miantso anareo hibebaka, ka mankahala ahy ianareo, inona no holazainareo rehefa avy ny andro izay hamoahan' ny "varatra ny feony avy any am-paran' ny tany, ka hiteny eo an-tsofin' ny rehetra izay velona, hanao hoe—Mibebaha ary miomàna ho amin' ny andro lehiben' ny Tompo?

22 Eny, ary koa, rehefa hisoritsoritra avy any atsinanana ka hatrany andrefana ny tselatra ary hamoaka ny feony amin' ny rehetra izay velona ka hampangintsina ny sofin' ny rehetra izay mandre sady hiteny ireto teny ireto hoe—Mibebaha ianareo fa efa tonga ny andro lehiben' ny Tompo?

23 Ary ankoatra izany, dia hamoaka ny feony avy any andanitra ny Tompo, hanao hoe: Mihainoa ianareo ry firenen' ny tany ary mandrenesa ny tenin' ilay Andriamanitra izay nanao anareo.

24 Ô ianareo ry firenen' ny tany, impiry Aho no ta hanangona anareo miaraka tahaka ny "reniakoho manangona ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy ^bnety ianareo!

25 Impiry Aho no efa "niantso anareo tamin' ny vavan' ireo

^bmpanompoko sy tamin' ny ^afanompoan' ireo anjely, ary tamin' ny feoko ihany sy tamin' ny feon' ny varatra, ary tamin' ny feon' ny tselatra sy tamin' ny feon' ny tafio-drivotra, ary tamin' ny feon' ny horohoron-tany sy tamin' ny feon' ny havandra vaventy, ary tamin' ny feon' ny ^cmosary sy ny aretimandringana isan-karazany, ary tamin' ny fanenon' ny trompetra mafy sy tamin' ny feon' ny fitsarana, ary tamin' ny feon' ny ^ffamindram-po nandritra ny manontolo andro sy tamin' ny feon' ny voninahitra sy ny haja ary ny haren' ny fiainana mandrakizay, ary ho namonjy anareo tamin' ny ^sfamonjena maharitra mandrakizay, fa tsy nety ianareo!

26 Indro, efa tonga ny andro izay mahafeno ny kapoaky ny fisafoahan' ny fahavinirako.

27 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa ireo dia tenin' ny Tompo Andriamanitrareo.

28 Koa miasà ianareo, "miasà farany ao amin' ny tanimboliko ianareo—antsoy farany ny mponin' ny tany.

29 Fa amin' ny fotoana mahamety izany Amiko, dia "ho avy etỳ an-tany amin' ny fitsarana Aho, ary ho voavotra ny oloko ka hanjaka miaraka Amiko etỳ an-tany.

21a 2 Ne. 27:2; F&F 88:90.

24a Mat. 23:37;

3 Ne. 10:4–6.

^b TSM Fikomiana.

25a Hel. 12:2–4.

^b Mat. 23:34.

TSM Mpaminany.

^d F&F 7:6; 130:4–5.

^e Jer. 24:10; Amo. 4:6;

F&F 87:6; JS—M 1:29.

^f TSM Famindram-po.

^g TSM Fiainana

Mandrakizay; Tsy

Fahafatesana;

Famonjena.

28a Jakôba 5:71;

F&F 33:3.

TSM Tanimbolin' ny Tompo.

29a TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

30 Fa ny “Arivotaona Lehibe izay efa noteneniko tamin’ ny vavan’ ireo mpanompoko dia ho avy.

31 Fa “hofatorana i ^bSatana ary rehefa hovahana indray izy dia hanjaka mandritra ny ^ffotoana fohy ihany, ary tonga ny ^ffiakaran’ ny tany avy eo.

32 Ary izay miaina ao amin’ ny ^ffahamarinana dia ^bhovana ao amin’ ny indray mipi-maso, ary ny tany dia ho levona tahaka ny amin’ ny afo.

33 Ary ny olon-dratsy dia hankany amin’ ny ^aafo tsy mety

maty, ary ny fiasarany dia tsy misy olona etỳ an-tany mahalala, na hahalala izany na oviana na oviana mandra-pahatongany eo anoloako amin’ ny ^bfitsarana.

34 Henoinareo ireto teny ireto. Indro, Izaho no Jesoa Kristy, ny ^aMpamonjy izao tontolo izao. ^bRaketo ao am-ponareo ireo zavatra ireo, ary aoka ny ^ffahamasinan’ ny zavatra ny mandrakizay ^hhitoetra ao ^fan-tsainareo.

35 “Mahonona tena. Tandremo avokoa ny didiko. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 44

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao Kirtland, Ohio, tamin’ ny faraparan’ ny volana Febroary 1831 (History of the Church, 1:157). Ho fanarahana ny toromarika aroso etoana, dia notapahin’ ny Fiangonana ny fisian’ ny fihaonambe tamin’ ny fiandohan’ ny volana Jona manaraka.

1–3, Tokony hivory amin’ ny fihao-nambe ny loholona; 4–6, Tokony hiorina araka ny lalan’ ny tany izy ireo ary hikarakara ny mahantra.

INDRO, izao no lazain’ ny Tompo aminareo ry mpanompoko, ilaina Amiko ny hiantsoana miaraka ireo loholon’ ny fiangonako avy any atsinanana sy avy any andrefana, ary avy any avaratra sy avy any atsimo,

amin’ ny taratasy na amin’ ny fomba hafa.

2 Ary izao no hitranga fa raha mahatoky izy ireo ary mampihatra ny finoana Ahy, dia halatsako aminy ny ^aFanahiko amin’ ny andro izay hiarahany mivory.

3 Ary izao no hitranga fa handeha hankamin’ ny faritra manodidina izy ireo ary ^ahitory fibebahana amin’ ny olona.

30a TSM Arivotaona.

31a F&F 45:55; 84:100; 88:110.

b 1 Ne. 22:26.

TSM Devoly.

d Fan. 20:3; Jakôba

5:77; F&F 29:22.

e TSM Izao Tontolo

Izao—Faran’ ny tany.

32a TSM Fahamarinana.

b 2 Tan. 15:51–52;

F&F 63:51; 101:31.

TSM Fitsanganana

amin’ ny Maty.

33a Mat. 3:12.

b TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

34a TSM Mpamonjy.

b JS—M 1:37.

d F&F 84:61; 100:7–8.

e TSM Misaintsaina.

f TSM Saina.

35a Roma. 12:3;

F&F 18:21.

44 2a Asa 2:17.

3a TSM Mitory.

4 Ary maro no “hiova fo, hany ka hahazo hery ianareo mba hiořenanareo ^baraka ny lalàn’ olombelona;

5 Mba tsy hananan’ ny “fahavalonareo hery aminareo; mba ho azo tsimbinina ianareo amin’ ny zava-drehetra; mba hahai-zanareo mitandrina ny lalàko; mba ho azo tapatapahina ny fatorana tsirairay izay itadia-

van’ ny fahavalo hamongorana ny oloko.

6 Indro, lazaiko aminareo fa tsy maintsy “mamangy ny manhantra sy ny sahirana ianareo ary manamaivana ny fahoriany, mba ho voakarakara izy ireo ambara-pahatongan’ ny zavatra rehetra ho vita araka ny lalàko izay efa noraisinareo. Amena.

FIZARANA 45

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 7 Martsa 1831 (History of the Church, 1:158–163). Raha nanoratra ny sasin-tenin’ ity fanambarana ity ny Mpaminany dia nilaza fa “amin’ izao vanim-potoan’ ny Fiangonana izao, dia . . . tatitra diso maro . . . sy tantara adaladala no navoaka . . . ary naparitaka . . . mba hisakanana ny olona tsy hanadihady ny asa, na hanaiky ny finoana . . . Nefa akory ny hafalian’ ireo Olomasina . . . raha noraisiko izao manaraka izao” (History of the Church, 1:158).

1–5, Kristy no mpisolovava antsika amin’ ny Ray; 6–10, Ny filazantsara dia mpitondra hafatra manomana ny lalana eo anoloan’ ny Tompo; 11–15, Noraisin’ ny Tompo ho any Aminy i Enoka sy ireo rahalahiny; 16–23, Nambaran’ ny Tompo ny famantarana ny amin’ ny fiaviany tahaka izay nomeny teo an-Tendrombohitra Oliva; 24–38, Haverina indray ny filazantsara, ho tanteraka ny fotoan’ ny Jentilisa ary handrakotra ny tany ny areti-mandripaka; 39–47, Famantarana zava-mahatalanjona ary Fitsangana amin’ ny maty no hiaraka amin’ ny Fiaviana Fanindroany; 48–53, Hijoro eo amin’ ny Tendrombohitra Oliva i Kristy, ary ho

hitan’ ny Jiosy ny ratra eo amin’ ny tanany sy ny tongony; 54–59, Hanjaka mandritra ny Arivotana ny Tompo; 60–62, Nilazana ny Mpaminany mba hanomboka ny fandikana ny Testamenta Vaovao fa amin’ ny alalan’ izany no hampahafantarana vaovao lehibe; 63–75, Nodidina ireo Olomasina mba hivory ary hanorina an’ i Jerosalema Vaovao izay any no hahatongavan’ ny olona avy amin’ ny firenen-drehetra.

MIHAINOA, ô ianareo ry Ivahoakan’ ny “fiangonako, izay efa nomena ny ^bfanjakana; mihainoa ianareo ary mampan-dria sofina amin’ Ilay nanda-

4a TSM Fiovam-po.
b F&F 98:5–7.
5a 2 Ne. 4:33.

6a Jakoba 1:27.
TSM Fangorahana;
Asa Fanasoavana.

45 1a TSM Fiangonan’ i
Jesoa Kristy.
b F&F 50:35.

tsaka ny fanorenan' ny tany, Ilay "nanao ny lanitra sy izay rehetra eo aminy, ary tamin' ny alalany no nanaovana ny zava-drehetra izay velona sy mihe-tsika ary manan' aina.

2 Ary lazaiko indray, mihainoa ny feoko fandrao hanampoka anareo ny "fahafatesana; amin' ny ^bora izay tsy ampoizinareo no ho lasana ny fahavaratra ary ho tapitra ny ^dfijinjana nefa tsy voavonjy ny fanahinareo.

3 Henoy Ilay "mpisolovava eo amin' ny Ray izay miaro ny tombontsoanareo eo anoloany —

4 Manao hoe: Ray ô, indro ny "fijaliana sy ny fahafatesan' Ilay tsy ^bnanota, izay nankasitrahanao tokoa; indro ny ran' ny Zanakao izay nalatsaka, ny ran' Ilay nomenao mba hahazoana "mankalaza Anao;

5 Noho izany Ray ô, dia tsimbino ireto rahalahiko ireto izay "mino ny anarako, mba hahazoany manatona Ahy ary manana ny ^bfiainana maharitra mandrakizay.

6 Mihainoa ô ianareo ry olon' ny fiangonako, ary ianareo loholona miaraha mihaino ka henoy ny feoko dieny mbola

atao hoe "anio, ary aza manamafy ny fonareo;

7 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho no "Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana, ny fahazavana sy ny fiainan' izao tontolo izao — ^bfahazavana izay mampirapiratra ao amin' ny haizina ary ny haizina tsy mahazo izany.

8 Tonga tany amin' ny Ahy Aho ary ny Ahy tsy nandray Ahy; fa izay rehetra nandray Ahy dia nomeko "hery hanao ^bfahagagana maro sy ho tonga "zanak' Andriamanitra; ary ho an' ireo izay "nino ny anarako dia nomeko ny hery hahazoana ^ffiainana mandrakizay.

9 Dia toy izany no nandefasako ny "faneke mpihavanako ^bmaharitra mandrakizay ho eo amin' izao tontolo izao ho fahazavana ho an' izao tontolo izao sy ho "faneva ho an' ny oloko ary ho tadiavin' ny "Jentilisa, ary ho ^fmpitondra hafatra eo anoloan' ny tavako mba hano-mana ny lalana eo alohako.

10 Koa manatona azy, ary amin' izay manatona no hifandaharako tahaka ny tamin' ireo olona tamin' ny andro fahiny,

1d Jer. 14:22; 3 Ne. 9:15;
F&F 14:9.

TSM Fahariana.

2a Almà 34:33-35.

b Mat. 24:44.

d Jer. 8:20; F&F 56:16.

TSM Fararano.

3a F&F 62:1.

TSM Mpsisolovava.

4a F&F 19:18-19.

TSM Sorompanavotana.

b Heb. 4:15.

d Jao. 12:28.

5a F&F 20:25; 35:2; 38:4.

b Jao. 3:16.

6a Heb. 3:13;

F&F 64:23-25.

7a Fan. 1:8; 21:6;

F&F 19:1.

b Jao. 1:5.

8a Mat. 10:1.

TSM Hery.

b TSM Fahagagana.

d TSM Zanakalahy sy

Zanakavavin'

Andriamanitra.

e TSM Finoana.

f F&F 14:7.

9a Jer. 31:31-34;

Môm. 5:20.

b TSM Faneke mpihava-

nana Vaovao sy

Maharitra

Mandrakizay.

d 2 Ne. 29:2.

e Isa. 42:6;

2 Ne. 10:9-18.

f Mal. 3:1.

ary hasehoko anareo ny “laha-teniko mahery.

11 Koa miaraha ianareo mihaino ary aoka hasehoko anareo ny fahendreko—ny fahendren’ Ilay lazainareo ho Andriamanitr’ i “Enoka sy ny rahalahiny,

12 Izay “nosarahina tamin’ ny tany ary noraisina ho any Amiko—^btanàna voatokana mandra-pahatongan’ ny andron’ ny fahamarinana—andro izay nokatsahin’ ny olona masina rehe-tra nefa tsy hitany noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana;

13 Ary nekeny ny “mahavahiny sy mpivahiny azy teto an-tany;

14 Saingy azony ny “fampanantenana fa ho hitany izany ary ao amin’ ny nofony no hahitany izany.

15 Koa henoy fa hifandahatra aminareo Aho, dia hiteny aminareo Aho ary haminany tahaka ny tamin’ ireo lehilahy tamin’ ny andro fahiny.

16 Ary hasehoko mazava izany tahaka ny “nanehoako izany tamin’ ny mpianatro, raha nijoro teo anoloany tao amin’ ny nofo Aho ary niteny taminy, nanao hoe: Koa satria efa nantontaninareo Ahy ny ^bfamantarana ny amin’ ny fiaviako, amin’ ny andro izay hiaviako ao amin’ ny voninahitro eny

amin’ ny rahon’ ny lanitra, mba hahantanteraka ny fampanantenako izay efa nataoko tamin’ ny razanareo,

17 Koa satria efa noheverinareo ho toy ny fatorana ny “fandaozan’ ny ^bfanahinareo ela ny vatanareo, dia hasehoko anareo ny fomba hahatongavan’ ny andro fanavotana, ary koa ny ^dfamerenana indray an’ i Isiraely “miely patrana.

18 Ary ankehitriny hitanareo io tempoly izay ao Jerosalema io, izay antsoinareo ho tranon’ Andriamanitra, ary lazain’ ny fahavalonareo fa tsy hianjera na oviana na oviana io trano io.

19 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa ho tonga amin’ ity taranaka ity toy ny mpangalatra amin’ ny alina ny faharavana, ary ity vahoaka ity dia horavana sy haely any anivon’ ny firenen-drehetra.

20 Ary io tempoly izay hitanareo ankehitriny io dia harodana ka tsy havela hisy vato hifanongoa eo.

21 Ary izao no zavatra hitranga fa tsy ho lany izao taranaka Jiosy izao raha tsy efa nitranga ny faharavana tsirairay izay efa nolazaiko anareo momba azy.

22 Lazainareo fa fantatrareo fa avy ny “fiafaran’ izao tontolo izao; lazainareo koa fa fanta-

10a Isa. 41:21;
F&F 50:10–12.

11a Mos. 7:69.

12a DJS, Gen. 14:30–34;
F&F 38:4;
Mos. 7:21.

^b Mos. 7:62–64.

TSM Ziona.

13a Heb. 11:13; 1 Pet. 2:11.

14a Heb. 11:8–13;
Mos. 7:63.

16a Mat. 24;

Lio. 21:7–36;
JS—M 1.

^b TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

17a F&F 138:50.

^b TSM Fanahy.

^d TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

^e 1 Ne. 10:12–14.

TSM Isiraely—Ny
fampielezana ny
Isiraely.

22a TSM Izao Tontolo
Izao—Faran’ ny tany.

trareo fa ho levona ny lanitra sy ny tany;

23 Ary amin' izany dia marina tokoa ny lazainareo, satria izany no izy; fa ireo zavatra izay efa nolazaiko anareo ireo kosa dia tsy ho levona raha tsy efa tanteraka avokoa.

24 Ary izany no efa nolazaiko anareo momba an' i Jerosalema; ary rehefa ho tonga izany andro izany, dia "haely patrana any anivon' ny firenena rehetra ny ambiny;

25 Fa "hanganina indray izy; fa hitoetra izy ambara-pahatanteraky ny fotoan' ny ^bJentilisa.

26 Ary amin' "izany andro izany no handrenesana ^bady sy filazana ady; ary ho ao anaty korontana ny tany manontolo, ary ho "reraka ny fon' ny olona ka holazainy fa "manemotra ny fiaviany hatrany amin' ny fiakaran' ny tany i Kristy.

27 Ary hihamangatsiaka ny fitiavan' ny olona ary ho betsaka ny faharatsiana.

28 Ary rehefa tonga ny fotoan' ny "Jentilisa, dia hiposaka eo anivon' ireo mitoetra ao amin' ny haizina ny ^bhazavana, ary izany no fahafenoan' ny filazantsarako;

29 Kanefa tsy "raisiny izany; satria tsy hitany ny hazavana ary aviliny hiala Amiko ny

^bfony noho ny ^afampianaran' olombelona.

30 Ary ao amin' izany taranaka izany no ho tanteraka ny fotoan' ny Jentilisa.

31 Ary hisy olona ho velona ao amin' izany taranaka izany izay tsy ho lasana raha tsy efa nahita ny "loza manafotra; fa handrakotra ny tany ny areti-mandripaka.

32 Fa "hitsangana eo amin' ny toerana masina ny mpianatro ary tsy hoesorina; fa any anivon' ny olon-dratsy no hanandratra ny feony ny olona ka ^bhanozona an' Andriamanitra ary ho faty.

33 Ary hisy "horohoron-tany koa amin' ny toerana samy hafa, ary faharavana maro; kanefa dia hanamafy ny fony Amiko ny olona ka horaisiny ny ^bsabatra hifamelezana, ary hifamono izy samy izy.

34 Ary ankehitriny rehefa nilaza ireo teny ireo tamin' ny mpianatro Izaho Tompo, dia natahotra izy ireo.

35 Ary hoy Aho taminy: Aza "matahotra, fa rehefa hitranga ireo zavatra ireo, dia hahafantratra ianareo fa ho tanteraka ny fampanantenana izay efa natao taminareo.

36 Ary rehefa hanomboka hiposaka ny hazavana, izany ho

24a 2 Ne. 25:15.

25a Neh. 1:9;

Isa. 11:12–14;

1 Ne. 22:10–12;

2 Ne. 21:12–14.

^b Lio. 21:24.

26a TSM Andro Farany.

^b F&F 87; JS—M 1:23.

^d Lio. 21:26.

^e 2 Pet. 3:3–10.

28a 1 Ne. 15:13.

^b TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy;

Famerenana amin'

ny Laoniny ny

Filazantsara.

29a Jao. 1:5.

^b Mat. 15:8–9.

^d F&F 3:6–8; 46:7;

JS—T 1:19.

31a F&F 5:19–20;

97:22–25.

32a F&F 101:21–22, 64.

^b Fan. 16:11, 21.

33a F&F 43:18; 88:87–90.

^b F&F 63:33.

35a Mat. 24:6.

azy dia ho tahaka ny fanoharana izay hasehoko anareo—

37 Mijery ianareo ary mahita ny ^aaviavy ary hitanareo amin' ny masonareo izany ary lazainareo rehefa manomboka manaroka izany, na dia mbola tanora aza ny raviny, fa efa akaiky sahady ny lohataona.

38 Dia ho tahaka izany koa amin' izany andro izany, rehefa ho hitany avokoa ireo zavatra ireo, dia ho fantany amin' izay fa efa antomotra ny ora.

39 Ary izao no hitranga fa izay ^amatahotra Ahy dia ^bhian-drandra ny fiavian' ny ^dandro lehiben' ny Tompo, dia ireo ^efamantarana ny amin' ny fiavian' ny ^fZanak' olona.

40 Ary ho hitany ireo famantarana sy zava-mahatalanjona fa ireny dia haseho eny amin' ny lanitra ambony sy etỳ amin' ny tany ambany.

41 Ary ho hitany ny ra sy ny ^aafo ary ny zavon' ny setroka.

42 Ary mialohan' ny hahaton-gavan' ny andron' ny Tompo dia hohamaizinina ny ^amasoandro, ny volana hampodina ho ra ary ny kintana hiraaka avy eny amin' ny lanitra.

43 Ary hangonina ho eo amin' ity toerana ity ny sisa tavela;

44 Ary amin' izany dia hian-drandra Ahy izy ireo ary indro, ho avy Aho; ary ho hitany eny amin' ny rahon' ny lanitra Aho mitafy hery sy ^avoninahitra lehibe, miaraka amin' ny anjely masina rehetra; ary izay tsy ^bmiambina ho Ahy dia hoesorina hiala.

45 Nefa mialohan' ny hianjeran' ny sandrin' ny Tompo, dia hitsoka ny ^atrompetrany ny anjely, ka ireo olomasina izay efa nandry dia ^bhivoaka mba hitse-na Ahy eny amin' ny ^drahona.

46 Koa raha efa nandry ^ata-mim-piadanana ianareo dia sambatra ianareo; fa tahaka ny ahitanareo Ahy ankehitriny ka ahafantarana fa misy Aho, dia tahaka izany koa no ^bhankanesanareo eo Amiko ary ^dhahavelona ny fanahinareo ka ho tanteraka ny fanavotana anareo; ary hivoaka avy amin' ny vazan-tany efatra ireo olomasina.

47 Amin' izay dia hianjera amin' ireo firenena ny ^asandrin' ny Tompo.

48 Ary amin' izay ny Tompo dia hametraka ny tongony eo amin' ity ^atendrombohitra ity ka hitresaka roa izany, ary ^bhihoro-horo ny tany ary hivembena

37a Mar. 13:28;
Lio. 21:29–31.

39a F&F 10:55–56.
TSM Tahotra—
Tahotra an'
Andriamanitra;
Mankatò.

b 2 Pet. 3:10–13;
F&F 35:15–16;
Mos. 7:62.

d TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

e TSM Famantaran'
Ireo Fotoana.

f TSM Zanak' Olona.
41a F&F 29:21; 97:25–26.

42a Joe. 2:10;
Fan. 6:12;
F&F 88:87; 133:49.

44a TSM Jesoa Kristy—
Voninahitr' i Jesoa
Kristy.

b Mat. 24:43–51;
Mar. 13:32–37.

45a F&F 29:13; 43:18.

b F&F 88:96–97.
TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.

d 1 Tes. 4:16–17.

46a Almà 40:12.

b Isa. 55:3.

d TSM Fiainana
Mandrakizay.

47a F&F 1:12–16.

48a Zak. 14:4.

b F&F 43:18; 88:87.

etsy sy eroa, ary ny lanitra koa ^ahihozongozona.

49 Ary hiloa-bava ny Tompo ka handre izany avokoa ny faran' ny tany; ary ^ahitomany ny firenena eto an-tany ary ireo izay efa nihomehy dia hahita ny hadalany.

50 Ary ho rakotry ny antambo ny mpanaraby ary ho fongana ny mpaniratsira, ary ireo izay efa miari-tory mba hanao ny ratsy dia hokapaina ary hatsipy any anaty afo.

51 Ary ^ahiandrandra Ahy ny ^bJiosy amin' izay ary hiteny hoe: Inona ireo ratra eo amin' ny tananao sy eo amin' ny tongotrao ireo?

52 Ho fantany amin' izay fa Izaho no Tompo; fa hiteny aminy Aho: Ireto ratra ireto no ratra izay ^anandratrana Ahy tao antranon' ny sakaizako. Izaho ilay nasandratra. Izaho no Jesoa izay ^bnohomboana. Izaho no Zanak' Andriamanitra.

53 Ary amin' izay dia ^ahitomany izy noho ny helony; amin' izay dia hitoloko izy noho izy nanenjika ny ^bmpanjakany.

54 Ary amin' izay dia ho voavotra ireo firenen' ireo ^ampanombo sampy, ary ireo izay tsy

nahafantatra lalàna dia hanana najara amin' ny ^bfitsanganana voalohany amin' ny maty, ary ho ^aazo leferina ny aminy.

55 Ary ^ahofatorana i ^bSatana ka tsy hanana toerana ao am-pon' ny zanak' olombelona.

56 Ary amin' izany ^aandro iza-ny, rehefa ho avy amin' ny voninahitro Aho, dia ho tanteraka ny fanoharana izay noteneniko momba ny ^bvirijiny folo.

57 Fa ireo izay hendry ary efa nandray ny ^afahamarinana sy nandray ny Fanahy Masina ho ^bmpitari-dàlana azy ka tsy ^avoa-fitaka—lazaiko aminareo marina tokoa, fa tsy hokapaina ireo ka hatsipy any anaty ^aafo fa hahatanty ny andro.

58 Ary homena ho azy ny ^atany ho ^blova; ary hihamaro sy hihamahery ireo, ary ny zanany dia ^ahitombo tsy manam-pahotana ho amin' ny ^afamonjena.

59 Fa ny Tompo no ho eo ^afoavoany, ary ny voninahiny no ho eo aminy, ary Izy no ho mpanjakany sy ^bmpanome lalàna azy.

60 Ary ankehitriny indro, lazaiko aminareo, tsy homena anareo ny hahafantatra misi-misy kokoa momba io toko io raha tsy efa voadika ny ^aTesta-

48d Joe. 3:16; F&F 49:23.

49a F&F 87:6.

51a Zak. 12:10.

^b TSM Jiosy.

52a Zak. 13:6.

^b TSM Fanomboana.

53a Fan. 1:7.

^b Lio. 23:38;

Jao. 19:3, 14–15.

54a Ezek. 36:23; 39:21.

^b TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

^d F&F 75:22.

55a Fan. 20:2;

1 Ne. 22:26;

F&F 43:31; 88:110.

^b TSM Devoly.

56a TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

^b Mat. 25:1–13;

F&F 63:54.

57a TSM Fahamarinana.

^b TSM Fanahy Masina.

^d JS—M 1:37.

^e F&F 29:7–9; 63:34;

64:23–24; 101:22–25.

58a TSM Arivotaona.

^b Mat. 5:5.

^d F&F 63:51; 101:29–31.

^e TSM Famonjena.

59a F&F 29:11; 104:59.

^b Gen. 49:10; Zak. 14:9;

F&F 38:21–22.

60a TSM Dikantenin' i

Joseph Smith (DJS).

Jereo koa ny Fantina

avy amin' ny Baiboly

Dikantenin' i Joseph

Smith.

menta Vaovao ary ao aminy no hampahafantarina ireo zavatra rehetra ireo;

61 Koa omeko anareo ny hahazoanareo mandika izany ankehitriny, mba hahazoanareo miomana ho amin' ny zavatra ho avy;

62 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, fa zava-dehibe no mian-dry anareo;

63 Mandre "ady any amin' ny firenen-kafa ianareo; nefa indro, lazaiko aminareo, akai-ky izany, eo am-baravaranareo aza, ary ao anatin' ny taona vitsivitsy dia handre ady eo amin' ny taninareo ihany ianareo.

64 Koa izao Tompo dia efa niteny, miangona ianareo avy amin' ny "tany atsinanana, mioraha mivory ianareo loholon' ny fiangonako; mandehana mankamin' ny tany andrefana, antsoy ny mponina hibebaka, ary raha mibebaka izy, dia aoreno ho Ahy ny fiangonana.

65 Ary amin' ny fo iray sy amin' ny saina iray no anangony ny harenareo mba hahazoanareo "mividy lova izay hotendrena ho anareo rahatrizay.

66 Ary hatao hoe "Jerosalema Vaovao izany, ^btanin' ny ^dfandriampahalemana, tanàna ^efialofana, toerana azo antoka ho an' ny Olomasin' Andriamantitra Avo Indrindra;

67 Ary ny "voninahitry ny Tompo dia ho ao, ary ny fihoro-horoana amin' ny Tompo dia ho ao koa, hany ka tsy ho avy ao ny olon-dratsy ary hantsoina hoe Ziona izany.

68 Ary izao no hitranga eo anivon' ny olon-dratsy, fa ny olona tsirairay izay tsy handray ny sabany hanoherana ny namany dia tsy maintsy mandositra mankany Ziona mba handry fahalemana.

69 Ary any no "hiangonan' ny olona avy amin' ny firenena tsirairay ambanin' ny lanitra; ary izany no hany vahoaka tsy mba hiady.

70 Ary izao no holazaina any anivon' ny olon-dratsy: Aoka isika tsy handeha hiakatra hiady amin' ny Ziona fa mahatahotra ny mponina ao Ziona; koa tsy mahatohitra isika.

71 Ary izao no hitranga fa ny olo-marina dia hangonina avy any anivon' ny firenen-drehetra ary ho tonga ao Ziona, mihira ny hiran' ny fifaliana maharitra mandrakizay.

72 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, tano ireo zavatra ireo tsy hiely eo amin' izao tontolo izao ambara-pahitako ny ilana izany, mba hahazoanareo manantontosa ity asa ity eo imason' ny olona sy eo imason' ny fahavalonareo mba tsy hahafantarany ny asanareo ambara-

63a F&F 38:29; 87:1-5;
130:12.

64a F&F 42:64.

65a F&F 63:27.

66a Etera 13:5-6;

Mos. 7:62;

Fp. 1:10.

TSM Jerosalema
Vaovao; Ziona.

b F&F 57:1-3.

d TSM Fiadanana.

e Isa. 4:6; F&F 115:6.

67a F&F 64:41-43;

97:15-18.

TSM Jesoa
Kristy—Voninahitr'
i Jesoa Kristy.

69a Deot. 30:3;
Jer. 32:37-39;
F&F 33:6.

pahatontosanareo ny zavatra izay nandidiako anareo; 73 Ka rehefa ho fantany izany, dia ny mba hahazoany mihevitra ireo zavatra ireo. 74 Fa rehefa hitranga ny Tompo, dia ho “mahatahotra aminy	Izy, ary ho azon’ ny tahotra izy ireo ka hijoro eny lavitra sy hangovitra. 75 Ary hatahotra ny firenendrehetra noho ny fihorohoroana amin’ ny Tompo sy ny tanjaky ny heriny. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 46

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 8 Martsa 1831 (History of the Church, 1:163–165). Tamin’ izany fotoana vao niandohan’ ny Fiangonana izany, dia tsy mbola voavolavola ny fomba iraisana hitondrana ireo fivoriam-piangonana. Saingy ny fahazarana tsy mampiditra amin’ ny fandraisana ny fanasan’ ny Tompo sy amin’ ny ireo fivoriana hafa an’ ny Fiangonana afa-tsy ny mpikambana sy ireo naman’ ny Fiangonana tena mafana fo dia efa nanjary fanao raikitra. Ity fanambarana ity dia maneho ny sitrapon’ ny Tompo momba ny fitondrana sy ny fitarihana ireo fivoriana.

1–2, Ny loholona no tokony hitondra ny fivoriana araka ny fitarihan’ ny Fanahy Masina; 3–6, Ireo tena mpikatsaka ny fahamarinana dia tsy tokony horoahana hiala amin’ ny fivorian’ ny fanasan’ ny Tompo; 7–12, Angataho amin’ Andriamanitra ary katsaho ireo fanomezam-pahasoavan’ ny Fanahy; 13–26, Omena ny fitaninana ny sasany amin’ ireo fanomezam-pahasoavana ireo; 27–33, Nomem-pahafana hamantatra ireo fanomezam-pahasoavan’ ny Fanahy ny mpitondra ny Fiangonana. MIHAINOA, ô ianareo vahoakan’ ny fiangonako; fa lazaiko aminareo marina tokoa fa ireto zavatra ireto dia note-	nenina ho “tombontsoanareo sy ho fianaranareo. 2 Nefa na dia eo aza ireo zavatra izay efa voasoratra, dia efa nomena mandrakariva ny “loholon’ ny fiangonako hatrany am-piandohana, ary ho toy izany hatrany, ny ^bhitantana ny fivoriana rehetra araka ny hitondrana sy hitarihan’ ny Fanahy Masina azy. 3 Kanefa dia didina ianareo tsy “androaka na oviana na oviana ny olona hiala amin’ ny fivorianareo ampahibemaso izay atao eo anoloan’ izao tontolo izao. 4 Didina koa ianareo tsy androaka ny olona izay isan’ ny “fiangonana, handao ny fivorian’ ny fanasan’ ny Tompo;

74a Zef. 2:11. 46 1a 2 Tim. 3:16–17. 2a Almà 6:1.	b Môrô. 6:9; F&F 20:45. 3a 3 Ne. 18:22–25. TSM Fihavanana.	4a TSM Fiangonan’ i Jesoa Kristy.

kanefa raha nisy nandika lalàna, dia aoka izy ^btsy handray raha tsy efa namitram-pihavanana.

5 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa tsy horoahinareo hiala ny fivorian' ny fanasan' ny Tompo izay olona mikatsaka fatratra ny fanjakana — Miteny izany Aho momba ireo izay tsy isan' ny fiangonana.

6 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, momban' ny ^afivorianareo fandraisana ho mpikambana, fa raha misy olona izay tsy isan' ny fiangonana ka mikatsaka fatratra ny fanjakana, dia tsy horoahinareo hiala izy.

7 Fa didina ianareo amin' ny zavatra rehetra mba ^ahangataka amin' Andriamanitra izay manome malalaka; ary mba tiako ny hanaovanareo izay rehetra ambaran' ny Fanahy anareo amin' ny ^bfahamasinan' ny fo tanteraka, ka handeha araka ny hitsiny eo anoloako sady ^dhieritreritra ny tanjon' ny famonjena anareo, hanao ny zavatra rehetra amin' ny vavaka sy ny ^efanakasitrahana, mba tsy ^fhangolen' ny fanahy ratsy na ny fotopampianaran' ireo ^gdevoly na ny ^hdidin' olombelona fitahiana ianareo; fa ny sasany dia avy amin' ny olombelona ary ireo hafa avy amin' ny devoly.

8 Koa mitandrema fandrao voafitaka ianareo; ary mba tsy hahavoafitaka anareo, dia ^aka-tsahonareo fatratra tokoa ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra ka tsarovy mandrakariva ny antony anomezana azy ireny;

9 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, omena ireny ho tombontsoan' ireo izay tia Ahy sy mitandrana ny didiko rehetra, ary izay mikatsaka ny hanao izany; mba hahazo tombontsoa ny rehetra izay mikatsaka na izay mangataka Amiko, izay mangataka, nefa tsy ^afamantarana mba hahazoany ^bmanarana amin' ny filan-dratsiny.

10 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, mba tiako ny hahatsiarovanareo mandrakariva ary ny hitanana-reo mandrakariva ao ^aan-tsainareo ny momba ireo ^bfanomezam-pahasoavana ireo, izay omena ny fiangonana.

11 Fa ny tsirairay dia tsy manana ny fanomezam-pahasoavana rehetra tsirairay omena azy; fa misy maro ireo fanomezam-pahasoavana, ary ny ^aolona tsirairay dia omen' ny Fanahin' Andriamanitra fanomezam-pahasoavana iray.

12 Ny sasany dia omena iray, ary ny hafa dia omena iray hafa

4b 3 Ne. 18:26–32.

TSM Fanasan' ny Tompo.

6a 1e ho fandraisana ho mpikambana ireo natao batisa vao haingana.

7a Jakoba 1:5–6; F&F 88:63.

b TSM Fahamasinana.

d TSM Misaintsaina.

e Sal. 100;

Almà 34:38.

TSM Misaotra.

f 1 Tim. 4:1–4;

F&F 43:5–7.

g TSM Devoly.

h F&F 3:6–7; 45:29.

8a 2 Tan. 12:31.

9a TSM Famantarana.

b Jakoba 4:3.

10a TSM Saina.

b 2 Tan. 14:12.

TSM Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy.

11a 2 Tan. 12:4–11.

mba hahazo tombontsoa amin' izany ny rehetra.

13 Ireo sasany dia omen' ny Fanahy Masina ny "hahafantatra fa i Jesoa Kristy no zanak' Andriamanitra, fa nohomboana Izy noho ny fahotan' izao tontolo izao.

14 Ny hafa dia omena "hino ny tenin' izy ireo, mba hahazoany koa manana ny fiainana mandrakizay raha mitoetra ho mahatoky izy.

15 Ary ankoatra izany, dia omen' ny Fanahy Masina ny sasany ny hahafantatra ny "maha-samihafa ny asa fanompoana araka izay hankasitranan' ny Tompo iray ihany, araka izay sitrapon' ny Tompo, izay mampifanaraka ny famindram-pony araka ny toe-piainan' ny zanak' ombelona.

16 Ary ankoatra izany, dia omen' ny Fanahy Masina ny sasany ny hahafantatra ny maha-samihafa ny asa, raha toa ka avy amin' Andriamanitra izany, mba ho azo omena ny olona tsirairay ny fampisehoana ny Fanahy mahasoana.

17 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo marina tokoa, ny sasany dia omen' ny Fanahin' Andriamanitra teny "fahendrena.

18 Ny iray hafa dia omena ny

tenin' ny "fahalalana, mba ho azo anarina ny rehetra ho hendry sy hanam-pahalalana.

19 Ary ankoatra izany, dia omena ny sasany ny "hanam-pinoana ny ho sitrana;

20 Ary omena ny hafa ny hanam-pinoana "hanasitrana.

21 Ary ankoatra izany, dia omena ny sasany ny hahavita "fahagagana;

22 Ary ny hafa dia omena "haminany;

23 Ary ho an' ny hafa ny "hamantatra ireo fanahy.

24 Ary ankoatra izany, dia omena ny sasany ny hiteny amin' ny "fiteny hafa;

25 Ary ho an' ny iray hafa ny handika ireo fiteny.

26 Ary avy amin' Andriamanitra ireo "fanomezam-pahasoavana rehetra ireo, ho tombontsoan' ny ^bzanak' Andriamanitra.

27 Ary omena ny "evekan' ny fiangonana sy ireo izay hatokan' Andriamanitra sy hatokana hiandry ny fiangonana ary ho loholon' ny fiangonana ny ^bhamantatra ireo fanomezam-pahasoavana rehetra ireo, fandrao hisy hihambo any anivonareo kanefa tsy avy amin' Andriamanitra akory.

28 Ary izao no hitranga fa izay mangataka ao amin' ny "Fanahy dia handray ao amin' ny Fanahy;

13a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

14a 3 Ne. 12:2.

TSM Finoana.

15a Môrô. 10:8.

17a Môrô. 10:9.

TSM Fahendrena.

18a TSM Fahalalana.

19a F&F 42:48–52.

TSM Finoana.

20a TSM Manasitrana.

21a TSM Fahagagana.

22a TSM Faminaniana.

23a Mos. 1:13–15.

24a TSM Fiteny,
Fanomezam-
pahasoavana
amin' ny.

26a Môrô. 10:8–19.

^b TSM Zanakalahy
sy Zanakavavin'
Andriamanitra.

27a TSM Eveka.

^b TSM Mamantatra,
Fanomezam-
pahasoavana Hoenti-.

28a F&F 88:64–65.

29 Ka ho azo omena ny sasany ny hanana ireo fanomezam-pahasoavana rehetra ireo, mba hisy filoha, mba hahazoan' ny mpikambana tsirairay tombontsoa amin' izany.

30 Izay ^amangataka ao amin' ny ^bFanahy dia mangataka araka ny ^dsitrapon' Andriamanitra; koa izany dia to araka izay angatahiny.

31 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, na inona na

inona ataonareo ao amin' ny Fanahy, dia tsy maintsy atao amin' ny anaran' i Kristy ny zavatra rehetra;

32 Ary tsy maintsy manolotra ^afisaorana an' Andriamanitra ao amin' ny Fanahy ianareo noho ny fitahiana rehetra itahiana anareo.

33 Ary tsy maintsy mampiha-tra ^ahatsaran-toetra sy ^bfahamasinana lalandava eo anoloako ianareo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 47

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 8 Martsa 1831 (History of the Church, 1:166). Talohan' io fotoana io dia i Oliver Cowdery no mpanoratra ny tantaran' ny Fiangonana sy ny firaketana. Tsy nikatsaka ny ho lasa mpanoratra tantara i John Whitmer, saingy rehefa nangatahina izy hitana izany anjara asa izany, dia nolazainy fa hankatoaviny ny sitrapon' i Tompo momba izany. Izy dia efa nanao ny asan' ny mpitan-tsoratry ny Mpaminany tamin' ny firaketana ny ankamaroan' ireo fanambarana azo tao Fayette, faritanin' i New York.

1–4, Notendrena hirakitra ny tantaran' ny Fiangonana sy hanoratra ho an' ny Mpaminany i John Whitmer.

INDRO, ilaina Amiko ny hanoratan' i John Mpanompoko ka hiraketany tsy miato ny ^atantara ary hanampiany anao Joseph mpanompoko amin' ny fandikana ny zavatra rehetra izay omena anao, ambara-piantso azy ho amin' ny andraikitra hafa.

2 Ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa fa afaka

manandratra ny feony koa izy amin' ny fivoriana isaky ny ilana izany.

3 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao fa hotendrena izy hanoratra lalandava ny rakitso-ratra sy ny tantaran' ny fiangonana; satria i Oliver Cowdery dia efa notendreko ho amin' ny anjara fanompoana hafa.

4 Koa homen' ny ^aMpampionona azy ny hanoratra ireo zavatra ireo raha mahatoky izy. Izany tokoa. Amena.

30a F&F 50:29.
b TSM Fanahy Masina.
d 2 Ne. 4:35.
32a 1 Tan. 16:8–15;

1 Tes. 1:2; Almà 37:37;
F&F 59:7, 21.
TSM Misaotra.
33a TSM Hatsaran-toetra.

b TSM Fahamasinana.
47 1a F&F 69:2–8; 85:1–2.
4a TSM Mpampionona;
Fanahy Masina.

FIZARANA 48

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny volana Martsa 1831 (History of the Church, 1:166-167). Nanontany ny Tompo ny Mpaminany ny amin' ny fomba tokony harahina eo amin' ny fahazoana tany honenan' ny Olomasina. Zava-dehibe izany noho ny fifindra-monin' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana avy any atsinanan' i Etazonia, izay nankatò ny didin' ny Tompo fa izy ireo dia tokony hivondrona ao Ohio (jereo fizarana 37:1-3; 45:64).

1-3, Tokony hifampizara ny taniny amin' ny rahalahiny ireo Olomasina ao Ohio; 4-6, Tokony hividy tany ireo Olomasina, hanorina tanàna ary hanaraka ny torohevitra ny filoha mpiahy azy ireo.

ILAINA ny hijanonanareo eo amin' ny toeram-ponenanareo amin' izao fotoana izao, araka izay mahamety izany ho an' ny toe-piainanareo.

2 Ary raha manana tany ianareo dia "hanome amin' izany ho an' ny rahalahy avy any atsinanana;

3 Ary raha tsy manana tany ianareo dia aoka izy ireo hivi-dy eo amin' ireo faritra manodidina ireo amin' izao fotoana izao, araka izay heveriny fa tsara, fa tsy maintsy ilaina ny hananany toerana honenana amin' izao fotoana izao.

4 Tsy maintsy ilaina ny hitehizananareo ny vola rehetra araka izay tratranareo sy ny hahazoa-

nareo izay rehetra tratry ny herinareo amim-pahamarinana mba hahafahanareo, rahatrizay, "mividy tany ho lova; ^bizany hoe ny tanàna.

5 Tsy mbola hambara ny toerana; fa rehefa tonga ny rahalahinareo avy any atsinanana, dia hotendrena ny "lehilahy santsasany ary homena azy ireo ny ^bhahafantatra ny toerana, na aminy no hanambarana izany.

6 Ary hotendrena ireo hivi-dy ny tany sy hanao ny fanombohana ny fandatsahana ny fanorenana ny "tanàna; ary amin' izay ianareo dia hanomboka hiangona miaraka amin' ny fianakavianareo, ny lehilahy tsirairay araka ny ^bfianakaviany avy, araka ny toe-piainany ary araka izay tendren' ny fiadidia-na sy ny evekan' ny fiangonana ho azy, araka ny lalàna sy ny didy izay efa noraisinareo ary izay horaisinareo rahatrizay. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 49

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Sidney Rigdon, i Parley P. Pratt ary i Leman Copley tao Kirtland, Ohio, ny

48 2a TSM Asa
Fanasoavana.
4a F&F 57:4-5.

b F&F 42:35-36; 45:65-67.
5a F&F 57:6-8.
b F&F 57:1-3.

6a TSM Jerosalema
Vaovao.
b F&F 51:3.

volana Martsa 1831 (History of the Church, 1:167-169). (Ny rakitsoratra ara-tantara sasany dia manome ny datin' ity fanambarana ity ho ny volana Mey 1831). Efa nanaiky ny filazantsara i Leman Copley saingy mbola nitana ny sasantsasany tamin' ny fampianaran' ny Shakers (United Society of Believers in Christ's Second Appearing) [Firaisan' ny Fiarahamonin' ny Mpino ny Fisehoan' i Kristy Fanindroany], izay nisy azy tany aloha. Anisan' ny finoana Shakers ny hoe efa nitranga sahadry ny fiavian' i Kristy fanindroany ary efa niseho tamin' ny endriky ny vehivavy iray atao hoe Ann Lee Izy; tsy noheverina ho zavatra ilaina ny batisan' ny rano; norarana manokana ny fihinanana hena kisoa, ary tsy nihinanana hena ny maro; noheverina ho ambony kokoa noho ny fanambadiana ny fiainan' ny mpitovo. Raha nanolotra ity fanambarana ity ny Mpaminany dia nanoratra hoe: "Mba hahazoana fahalalana feno kokoa momba ilay toe-draharaha, dia nanontany ny Tompo aho ary nandray izao manaraka izao" (History of the Church, 1:167). Nolavin' ny fanambarana ny sasany amin' ireo fisainana fototra an' ny vondrona Shaker. Nentin' ireo rahalahy voalaza etsy ambony ireo tany amin' ny fiarahamonina Shaker (tao akaikin' i Cleveland, Ohio) ny soson' ilay fanambarana manontolo ary novakiany taminy izany saingy notsipahina.

1-7, Ny andro sy ora hiavian' i Kristy dia hijanona ho zava-tsy fantatra ambara-piaviny; 8-14, Tsy maintsy mibebaka ny olona, mino ny filazantsara ary mankatò ny ôrdônansy mba hahazo famonjena; 15-16, Voatendrin' Andriamanitra ny fanambadiana; 17-21, Ekena ny fihinanana hena; 22-28, Hirobo-robo i Ziona ary hamony tahaka ny raozy ny Lamanita mialohan' ny Fiaviana Fanindroany.

MIHAINOA ny teniko ry i Sidney sy i Parley ary i Leman mpanompoko; fa indro, lazaiko aminareo marina tokoa fa omeko didy ianareo handehananareo sy "hitorianareo ny filazantsarako izay efa noraisinareo, tahaka izay efa nandraisanareo izany, amin' ny Shakers.

2 Indro, lazaiko aminareo fa maniry izy ireo ny hahafantatra ny ampahany fa tsy ny marina rehetra, satria tsy "mahitsy eo anoloako izy ireo ary tsy maintsy mibebaka.

3 Koa maniraka anareo Aho ry i Sidney sy i Parley hitory aminy ny filazantsara.

4 Ary i Leman mpanompoko dia hatokana ho amin' io asa io mba hahazoany mifandahatra aminy, tsy araka izay efa noraisiny taminy fa araka izay efa "hampianarinareo mpanompoko azy; ary hitahy azy Aho amin' ny fanaovana izany, fa raha tsy izany dia tsy hahomby izy.

5 Iza no lazain' ny Tompo; fa Izaho no Andriamanitra izay efa "naniraka ny Zanako Lahi-

tokako ho eo amin' izao tontolo izao ho ^bfanavotana izao tontolo izao, ary efa nanapaka fa izay mandray Azy dia hovanjena, ary izay tsy mandray Azy kosa dia ^dhohelohina —

6 Ary efa nataon' izy ireo tamin' ny "Zanak' olona izay sitrak' izy ireo; ary efa nandray ny heriny teo ^ban-kavanan' ny ^dvoninahiny Izy ary manjaka ankehitriny any an-danitra sy hanjaka ambara-pidiny etỳ antany, dia fotoana izay efa akaiky sahady, ka hanaovany ny fahavalony rehetra ho eo ^eambanin' ny tongony —

7 Izaho Tompo Andriamanitra no efa niteny izany; saingy tsy misy olona mahafantatra ny ora sy ny ^aandro, na dia ny anjely any an-danitra aza, sady tsy hahafantatra ireo raha tsy efa avy Izy.

8 Koa sitrako ny hibebehan' ny olon-drehetra, fa ambany ^afahotana ny rehetra afa-tsy ireo izay efa natokako ho an' ny tenako, dia ^blehilahy masina izay tsy fantatrareo.

9 Koa lazaiko aminareo fa efa nalefako any aminareo ny ^afane-kempihavanako maharitra mandrakizay, dia ilay efa hatrany am-piandohana.

10 Ary izay efa nampanante-naiko dia efa notanterahiko, ary ireo ^afirenena eto an-tany dia ^bhitsaoka izany; ary raha tsy mitsaoka izy ireo dia haetry, fa izay manandra-tena ankehitriny dia ^dhaetry amin-kery.

11 Koa omeko didy ianareo ^ahandehananareo any anivon' ity vahoaka ity ary hilazanareo aminy, tahaka ny apositoliko fahiny izay i Petera no anarany, hoe:

12 Minoa ny anaran' i Jesoa Tompo izay tetỳ an-tany ary ho avy, ny fiandohana sy ny fiafarana;

13 ^aMibebaha ary aoka hatao batisa amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, araka ny didy masina, ho famelana ny fahotana;

14 Ary na zovy na zovy no manao izany dia handray ny ^afanomezana ny Fanahy Masina, amin' ny alalan' ny ^bfame-trahan-tanan' ny loholon' ny fiangonana.

15 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa na zovy na zovy no ^amandrara tsy hanambady dia tsy voatendrin' Andriamanitra, fa ny ^bfanambadiana dia voatendrin' Andriamanitra ho an' ny olona.

5b TSM Fanavotana;
Mpanavotra.
d TSM Fahamelohana.
6a TSM Zanak' Olona.
b Asa 7:55-56;
F&F 76:20-23.
d TSM Jesoa Kristy—
Voninahitr' i Jesoa
Kristy.
e 2 Tan. 15:25;
F&F 76:61.
7a Mat. 24:36;
Mar. 13:32-37;

Fan. 16:15;
F&F 133:11.
8a Gal. 3:22;
Môsià 16:3-5.
b Heb. 13:2;
3 Ne. 28:25-29.
9a Gen. 17:7; F&F 66:2.
TSM Fane-kempihava-
nana Vaovao sy
Maharitra
Mandrakizay.
10a Zak. 2:11;
F&F 45:66-69;

97:18-21.
b Isa. 60:14.
d Mat. 23:12.
11a TSM Asa Fitoriana.
13a 3 Ne. 27:19-20.
14a TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.
b TSM Fame-trahan-
tanana.
15a 1 Tim. 4:1-3.
b Gen. 2:18, 24;
2 Tan. 11:11.
TSM Fanambadiana.

16 Koa araka ny lalàna ny to-kony hananany “vady iray, ary ho ^bnofo iray ihany izy roroa; ary izany rehetra izany dia ny mba hahatrataran’ ny ^dtany ny tanjona namoronana azy;

17 Ary izany dia ny hahazoana mameno ny fatrany amin’ ny isan’ ny olombelona, araka ny “nahariana azy ^btalohan’ ny nanaovana izao tontolo izao.

18 Ary na zovy na zovy no “mandrara ka mampifady ^bhena, mba tsy hihinanan’ ny olona izany dia, tsy voatendrin’ Andriamanitra izy;

19 Fa indro, ny “biby eny antsaha sy ny voron’ ny habakabaka ary izay avy amin’ ny tany dia efa voatendry mba hataon’ ny olona fihinana sy fitafy, ary mba hananany be dia be.

20 Kanefa tsy voadidy ny toko-ny “hananan’ ny olona iray mihoatra noho ny iray hafa, noho izany dia mitoetra ao amin’ ny fahotana ^bizao tontolo izao.

21 Ary lozan’ ny olona izay “mandatsa-dra na izay manimba foana ny hena nefa tsy ao anatin’ ny fahasahiranana.

22 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa ny Zanak’ olona “tsy tonga

amin’ ny endri-behivavy, na amin’ ny an’ ny lehilahy mandehandeha eto an-tany.

23 Koa aoka tsy ho “voafitaka ianareo, fa mitozoa ao amin’ ny fiorenana mafy, amin’ ny ^bfanampoizana ny lanitra hihozongozona, ary ny tany hihorohoro sy hivembena etsy sy eroa toy ny olona mamo, ary ny ^dlohasaha hasandratra sy ny “tendrombohitra haetry ary ny toerana mikitoantoana ho tonga marin-tampona — ary izany rehetra izany rehefa hitsoka ny ^ftrompetrany ny anjely.

24 Nefa mialohan’ ny hahatongavan’ ny andro lehiben’ ny Tompo, dia hiroborobo; any an-tany foana i “Jakoba, ary ^bhamony tahaka ny raozy ny Lamanita.

25 “Hiroborobo eny amin’ ny ^bhavoana i Ziona ary hifaly eny an-tendrombohitra sy hangonina miaraka ho amin’ ny toerana izay efa voatendriko.

26 Indro, Izaho milaza aminareo hoe mandehana araka izay efa nandidiako anareo; mibebaha amin’ ny fahotanareo rehetra; “mangataha dia hahazo ianareo; dondony dia hovohana ianareo.

27 Indro, Izaho handeha eo alo-

16a Jakôba 2:27–30.

b Gen. 2:24;

Mat. 19:5–6.

d tsm Tany—
Nohariana ho an’
ny olona.

17a Mos. 3:4–5.

tsm Fahariana.

b tsm Fiainana
Talohan’ ny Fiainana
An-tany.

18a *IE* miangavy tsy
hihinana.

b Gen. 9:3;

1 Tim. 4:1–3.

19a F&F 89:10–13.

20a Asa 4:32;
F&F 51:3; 70:14; 78:6.

b tsm Rehak’ Izao
Tontolo Izao.

21a *DJS*, Gen. 9:10–15.

22a tsm Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

23a Mat. 24:4–5.

b 2 Pet. 3:12;
F&F 45:39.

d Isa. 40:4;

F&F 109:74.

e Mika 1:3–4.

f Mat. 24:29–31.

24a 3 Ne. 5:21–26.

b Isa. 35:1;
2 Ne. 30:5–6;
3 Ne. 21:22–25;
F&F 3:20; 109:65.

25a F&F 35:24.

b Gen. 49:26;
2 Ne. 12:2–3.

26a F&F 88:63.

hanareo ary ho “vodilaharana-reo; ary Izaho ho eo ^a afovoana-reo, ary tsy ^d hangaihay ianareo.	28 Indro, Izaho no Jesoa Kristy, ary avy “faingana Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 50

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny volana Mey 1831 (History of the Church, 1:170–173). Milaza ny Mpaminany fa ny sasany tamin’ ireo loholona dia tsy nahatakatra ny fisehoan’ ireo fanahy samy hafa miely patrana eto an-tany, ka nomena ity fanambarana ity ho setrin’ ny fanontaniany manokana ny amin’ izany toe-javatra izany. Ireo fitrangana lazaina fa ara-panahy dia tsy vitsy teo anivon’ ny mpikambana, izay nihambo ho nahazo fahitana sy fanambarana ny sasany taminy.

1–5, Miely patrana eto an-tany ireo fanahy sandoka maro; 6–9, Lozan’ ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo izay sarahina hiala amin’ ny Fiangonana; 10–14, Tokony hitory ny filazantsara amin’ ny alalan’ ny Fanahy ireo loholona; 15–22, Samy ilaina hohazavaina amin’ ny alalan’ ny Fanahy na ny mpitory na ny mpihaino; 23–25, Izay tsy mampiorina dia tsy avy amin’ Andriamanitra; 26–28, Ireo mahatoky no tompoⁿ ny zava-drehetra; 29–36, Valiana ny vavak’ ireo nodiovina; 37–46, Kristy no Mpiandry Tsara sy Vatolampin’ i Isiraely.

MIHAINOA, ô ianareo ry loholon’ ny fiangonako ary mampandria sofina amin’ ny feon’ Ilay Andriamanitra velona; ary tandremo ny teny

fahendrena izay homena anareo, izay efa nangatahinareo sy nifanekenareo momba ny fiangonana sy ireo fanahy izay efa niely patrana etỳ an-tany.

2 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa misy ireo fanahy maro izay “fanahy sandoka, izay efa naely patrana etỳ an-tany, mamitaka izao tontolo izao.

3 Ary i “Satana koa dia efa nikatsaka ny hamitaka anareo mba hahazoany mandresy anareo.

4 Indro, Izaho Tompo dia efa nizaha anareo ary efa nahita fahavetavetana ao amin’ ny fiangonana izay “mitondra ny anarako.

5 Nefa sambatra izay mahatoky sy “maharitra, na eo amin’ ny fiainana na ao amin’ ny fahafatesana, fa handova ny fiainana mandrakizay izy.

27a Isa. 52:12. b 3 Ne. 20:22. d 1 Pet. 2:6; F&F 84:116. 28a F&F 1:12.	50 2a F&F 129. tsm Fanahy—Fanahy ratsy. 3a Lio. 22:31; 3 Ne. 18:18.	4a tsm Jesoa Kristy— Fitondrantsika eo amintsika ny anaran’ i Jesoa Kristy. 5a tsm Maharitra.

6 Fa lozan' ireo izay "mpamitaka sy mpihatsaravelatsihy, fa izao no lazain' i Tompo, Izaho hitondra azy ho amin' ny fitsarana.

7 Indro lazaiko aminareo marina tokoa, misy "mpihatsaravelatsihy eo anivonareo izay efa namitaka ny sasany, izay efa nanome ^bhery ny ^dfahavalo; nefa "indro haverina ireo;

8 Nefa haharihary ny mpihatsaravelatsihy ka "hosarahina hiala na eo amin' ny fiainana na ao amin' ny fahafatesana, araka ny sitrapoko; ary lozan' ireo izay hosarahina hiala amin' ny fiangonako, fa ireo dia resin' izao tontolo izao.

9 Koa aoka ny olona tsirairay hitandrina fandrao izy hanao izay tsy araka ny rariny sy ny hitsiny eo anoloako.

10 Ary ankehitriny avia hoy ny Tompo amin' ny alalan' ny Fanahy, amin' ireo loholon' ny fiangonany, ary aoka "hifandahatra isika mba hahatakaranareo;

11 Aoka hifandahatra isika dia tahaka ny lehilahy iray mifandahatra amin' ny iray hafa, mifanatrika.

12 Ankehitriny, rehefa mandahatra ny lehilahy iray, dia azon' ny olona izy satria man-

dahatra tahaka ny olona; dia toy izany koa no handaharako Izaho Tompo aminareo mba "hahatakaranareo.

13 Koa Izaho Tompo no manao aminareo izao fanontania-na izao—ho amin' ny inona no efa "nanokanana anareo?

14 Mba hitory ny filazantsarako, amin' ny alalan' ny "Fanahy, dia ilay ^bMpampionona izay nalefa hampianatra ny fahamarinana.

15 Ary avy eo dia nandray "fanahy izay tsy hainareo fantarina ianareo ary noraisinareo ho avy tamin' Andriamanitra ireny; ary amin' izany moa va voamarina ianareo?

16 Indro, ny tenanareo ihany no hamaly izany fanontaniana izany; kanefa dia ho feno famindram-po aminareo Aho; izay osa ao aminareo dia "hohatanjahina rahatrizay.

17 Lazaiko aminareo marina tokoa, izay voatokako ary irahin' ny Mpampionona "hitory ny tenin' ny fahamarinana araka ny Fanahin' ny fahamarinana, moa mitory izany amin' ny ^bFanahin' ny fahamarinana va izy sa amin' ny fomba hafa?

18 Raha amin' ny fomba hafa, dia tsy avy amin' Andriamanitra izany.

6a TSM Fitaka.

7a Mat. 23:13–15;

Almà 34:28.

b Môsià 27:8–9.

d TSM Devoly.

e IE ireo izay voafitaka.

8a F&F 1:14; 56:3; 64:35.

TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

10a Isa. 1:18;

F&F 45:10.

12a F&F 1:24.

13a TSM Manokana.

14a F&F 43:15.

TSM Mampianatra—Mampianatra miaraka amin' ny Fanahy.

b TSM Mpampionona.

15a TSM Mamantatra,

Fanomezam-pahasoavana Hoenti-

16a Etera 12:23–27.

17a TSM Asa Fitoriana; Mitory.

b F&F 6:15.

TSM Fanahy Masina; Fahamarinana.

19 Ary ankoatra izany, izay mandray ny tenin' ny fahamarinana, moa va izy mandray izany amin' ny Fanahin' ny fahamarinana sa amin' ny fomba hafa?

20 Raha amin' ny fomba hafa, dia tsy avy amin' Andriamanitra izany.

21 Koa nahoana no tsy hainareo takarina sy fantarina fa izay mandray ny teny amin' ny alalan' ny Fanahin' ny fahamarinana dia mandray izany araka izay itorian' ny Fanahin' ny fahamarinana izany?

22 Koa izay mitory sy izay mandray dia mifankahazo ka samy "mahazo hery sy ^bmiaramifaly.

23 Ary izay tsy mankahery dia tsy avy amin' Andriamanitra, sady "haizina.

24 Izay avy amin' Andriamanitra dia "hazavana; ary izay mandray hazavana sy ^bmitoetra ao amin' Andriamanitra dia mandray hazavana "misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan' ny andro.

25 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, ary lazaiko izao mba hahafantarareo ny "marina ka hah-

zoanareo mandroaka ny haizina avy eo anivonareo;

26 Izay voatokan' Andriamanitra ary irahina, dia izy no voatendry ho "lehibe indrindra, na dia izy aza no kely indrindra sy ^bmpanompon' ny rehetra.

27 Koa "tompon' ny zava-drehetra izy; fa manoa azy ny zava-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany, ny fiainana sy ny fahazavana, ny Fanahy sy ny ^bhery, izay alefan' ny sitrapon' ny Ray amin' ny alalan' i Jesoa Kristy Zanany.

28 Saingy tsy misy olona tompon' ny zava-drehetra raha tsy efa "nodiovina sy ^bnosasana tamin' ny fahotana rehetra izy.

29 Ary raha voadio sy voasasa amin' ny fahotana rehetra ianareo dia "hangataka izay rehetra tianareo amin' ny anaran' i Jesoa, ary ho to izany.

30 Fa izao no fantaro, homena anareo izay hangatahinareo; ary satria voatendry ho "lohany ianareo, dia hanoa anareo ireo fanahy.

31 Koa izao no zavatra hitrangfa fa raha mahita "fanahy iray maneho ny tenany izay tsy hainareo ianareo, ary tsy raisinareo io fanahy io, dia hangataka ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa ianareo; ary raha tsy omeny ana-

22a 2 Tan. 14:26.

b Jao. 4:36.

23a TSM Haizim-panahy.

24a 1 Jn. 2:8–11;

Môrô. 7:14–19;

F&F 84:45–47; 88:49.

TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

b Jao. 15:4–5, 10.

d 2 Ne. 28:30.

25a Jao. 8:32.

26a Mat. 23:11.

b Mar. 10:42–45.

TSM Fanompoana.

27a F&F 76:5–10, 53–60;

84:34–41.

b TSM Hery.

28a 3 Ne. 19:28–29;

F&F 88:74–75.

TSM Madio;

Fanamasinana.

b 1 Jn. 1:7–9.

29a Hel. 10:5;

F&F 46:30.

TSM Vavaka.

30a TSM Fahefana.

31a 1 Jn. 4:1.

TSM Fanahy—Fanahy ratsy.

reo io fanahy io, dia hahafantatra ianareo fa tsy avy amin' Andriamanitra izany.

32 Ary homeny anareo ny "hery handresy io fanahy io; ary holazainareo amin' ny feo mafy, hanoharana io fanahy io, fa tsy avy amin' Andriamanitra izany —

33 Tsy amin' ny fiampangana "manevateva mba tsy ho resy ianareo, sady tsy amin' ny ^bfireharehana na amin' ny fifaliana, fandrao dia ho azony ianareo.

34 Izay mandray avy amin' Andriamanitra, dia aoka izy hihevitra izany ho avy amin' Andriamanitra; ary aoka izy hifaly fa isain' Andriamanitra ho mendrika ny handray.

35 Ary amin' ny fitandremana sy ny fanaovana ireto zavatra izay efa noraisinareo ireto sy izay horaisinareo rahatrizay — ary omen' ny Ray anareo ny "fanjakana ary koa ny ^bhery handresena ny zavatra rehetra izay tsy voatendriny —

36 Ary indro, lazaiko aminareo marina tokoa, sambatra ianareo izay mandre ankehitriny ireto teny ireto izay Ahy avy amin' ny vavan' ny mpanompoko, fa "voavela ny fahotanareo.

37 Aoka i Joseph Wakefield

mpanompoko izay tena ankasitrahako sy i "Parley P. Pratt mpanompoko handeha any anivon' ny fiangonana ka hampahery azy ireny amin' ny teny ^bfanentanana;

38 Ary koa i John Corrill mpanompoko, na rehefa mety ho mpanompoko ka efa voatokana ho amin' ity anjara fanompoana ity, ary aoka izy ireo hiasa ao amin' ny ^atanimboliko; ary aoka tsy hisy olona hisakana ny fanaovan' izy ireo izay efa voatendriko ho azy ireo —

39 Koa amin' ity zavatra ity dia tsy manana ny marina i "Edward Partridge mpanompoko; kanefa aoka izy hibe-baka dia ho voavela.

40 Indro, ianareo dia ankizy madinika ka tsy "mahazaka ny zavatra rehetra ankehitriny; tsy maintsy ^bmitombo ao amin' ny ^afahasoavana sy ao amin' ny fahalalana ny ^cmarina ianareo.

41 "Aza matahotra ^brankizy madinika, fa Ahy ianareo, ary Izaho efa ^anaharesy izao tontolo izao, ary ianareo dia avy amin' ireo izay efa ^cnomen' ny Raiko ho Ahy;

42 Ary tsy hisy ho "very ireo izay efa nomen' ny Raiko ho Ahy.

43 Ary ny Raiko sy Izaho dia

32a Mat. 10:1.

33a Joda 1:9.

^b F&F 84:67, 73.

35a TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.

^b 1 Jn. 4:4; F&F 63:20, 47.

36a F&F 58:42-43.

TSM Mamela.

37a TSM Pratt, Parley Parker.

^b F&F 97:3-5.

38a TSM Tanimbolin' ny Tompo.

39a TSM Partridge, Edward.

40a 3 Ne. 17:2-3; F&F 78:17-18.

^b 2 Tan. 3:2-3; F&F 19:22-23.

^d TSM Fahasoavana.

^e TSM Fahamarinana.

41a 1 Jn. 4:18.

^b TSM Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra.

^d Jao. 16:33.

^e Jao. 10:27-29; 17:2; 3 Ne. 15:24; F&F 27:14; 84:63.

42a Jao. 17:12;

3 Ne. 27:30-31.

“iray. Izaho ao amin’ ny Ray ary ny Ray ato Amiko, ary raha efa nandray Ahy ianareo, dia ianareo ato Amiko ary Izaho ao aminareo.

44 Koa eo afovoanareo Aho, ary Izaho no “mpiangry tsara sy ^bvatolampin’ i Isiraely. Izay manorina eo ambonin’ ity ^dva-

tolampy ity dia “tsy hianjera na oviana na oviana.

45 Ary avy ny andro izay handrenesanareo ny feoko sy “hahitanareo Ahy ary hahafantarana fa Izy Aho.

46 Koa “miambena mba ho ^bvonona ianareo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 51

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Thompson, Ohio, ny volana Mey 1831 (History of the Church, 1:173–174). Tamin’ io fotoana io dia nanomboka tonga tao Ohio ireo Olomasina nifindra monina avy tamin’ ireo faritra atsinanana, ka nanjary nilaina ny hanaovana fandaminana raikitra momba ny fiorenamponenany. Noho ny fisahanana ity raharaha ity niankina indrindra tamin’ ny anjara fanompoan’ ny eveka dia nitady toromarika ny amin’ ity raharaha ity ny Eveka Edward Partridge, hany ka nanontany ny Tompo ny Mpaminany.

1–8, Notendrena hisahana ny fitantanandrahara sy ny fananana i Edward Partridge; 9–12, Tokony hitondra tena amin-pahamarinana ny Olomasina ary handray zara mitovy; 13–15, Tokony hanana tranofitehirizan’ ny eveka izy ireo ary handrindra ireo fananana araka ny lalàn’ ny Tompo; 16–20, Ho toerana hiangonana mandritra ny fotoana fohy i Ohio.

MIHAINOA Ahy hoy ny Tompo Andriamanitrareo, ary Izaho hiteny amin’ i “Edward Partridge mpanompo ko ary hanome azy toromarika;

fa tsy maintsy ilaina ny handraisany toromarika ny amin’ ny fomba handaminana ity vahoaka ity.

2 Fa tsy maintsy ilaina ny handaminana azy araka ny “lalako; raha tsy izany dia hosarahina hiala izy ireo.

3 Koa aoka i Edward Partridge mpanompoko sy ireo izay efa nofinidiny izay tena ankasitrahako, hanendry amin’ ity vahoaka ity ny anjarany, ka “hitovy ny olona tsirairay araka ny fianakaviany, araka ny toepiainany sy ny hetahetany ary ny ^bilainy.

43a Jao. 17:20–23;
3 Ne. 11:35–36.
TSM Andriamanitra.
44a Jao. 10:14–15.
TSM Mpiandry
Ondry Tsara.
b Gen. 49:24;
1 Pet. 2:4–8.

TSM Vato Fehizoro.
d 2 Tan. 10:1–4.
TSM Vatolampy;
Jesoa Kristy.
e Hel. 5:12.
45a F&F 67:10–13.
46a TSM Mpiambina.
b Alma 34:32–33.

51 1a TSM Partridge,
Edward.
2a F&F 42:30–39; 105:5.
TSM Manokana.
3a F&F 49:20.
b Asa 2:44–45;
4 Ne. 1:2–3.

4 Ary aoka i Edward Partridge mpanompoko, rehefa hanendry ny anjaran' ny olona iray, hano-me azy taratasy izay hiantoka aminy ny anjarany mba hitana-ny izany, dia ny zo sy ny lovany ao amin' ny fiangonana mandra-pandikany lalàna sy tsy anisana azy ho mendrika ho mpi-kamban' ny fiangonana amin' ny alalan' ny feon' ny fiangonana, araka ny lalàna sy ny "fane-kempihavanan' ny fiangonana.

5 Ary raha mandika lalàna izy ary tsy isaina ho mendrika ny ho mpikambana amin' ny fiangonana dia tsy hanan-kery hitaky ilay anjara efa natokany tamin' ny alalan' ny eveka ho an' ny mahantra sy ny sahirana ao amin' ny fiangonako; koa tsy ho voatanany ilay fanomezana, fa ny hany hananany zo dia ilay anjara izay voatolotra ho azy an-taratasy.

6 Ary dia toy izany no hiantohana ny zava-drehetra, "araka ny ^blalàn' ny tany.

7 Ary aoka izay ananan' ity vahoaka ity hatokana ho an' ity vahoaka ity.

8 Ary raha ny momba ny "vola izay mivela amin' ity vahoaka ity—dia aoka hisy mpitantana hotendrena ho an' ity vahoaka ity, haka ny ^bvola hivatsiana

hanina sy fitafiana, araka izay ilain' ity vahoaka ity.

9 Ary aoka ny olona tsirairay hifampitondra "amim-pahamarinana sy hitovy eo anivon' ity vahoaka ity ary handray zara mitovy, mba hahatonga anareo ho ^biray araka izay efa nandi-diako anareo.

10 Ary aoka izay ananan' ity vahoaka ity tsy halaina ka homena ny fiangonana "iray hafa.

11 Koa raha misy fiangonana iray hafa ta handray vola avy amin' ity fiangonana ity, dia aoka izy handoa indray amin' ity fiangonana ity araka izay hifanarahany;

12 Ary izany dia hatao amin' ny alalan' ny eveka na ny mpitantana izay hotendren' ny "feon' ny fiangonana.

13 Ary ankoatra izany dia aoka ny eveka hanisy "trano fitehirizana ho an' ity fiangonana ity; ary aoka ny zava-drehetra, na vola na hena, ka mihoatra noho izay ^bilain' ity vahoaka ity, hotehirizina eo an-tanan' ny eveka.

14 Ary aoka koa izy hitahiry ho an' ny tenany, ho an' izay ilainy manokana, ary ho an' izay ilain' ny ankohonany, noho izy hampiasaina amin' ny fanaovana ity raharaha ity.

15 Ary dia toy izany no ano-

4a IE Fizarana 20 sy 22 dia antsoina hoe Ireo Fitsipika sy ireo Fane-kempihavanan' ny Fiangonan' i Kristy.
F&F 33:14; 42:13.
TSM Fane-kempihavanana.
6a 1 Pet. 2:13;

F&F 98:5–7.
b F&F 58:21–22.
8a F&F 84:104.
b F&F 104:15–18.
9a TSM Fahamarinantoetra.
b F&F 38:27.
TSM Firaisan-kina.
10a IE sampana iray hafa an' ny Fiangonana

na fikambanana iray hafa.
12a TSM Faneken' ny Rehetra.
13a F&F 42:55.
TSM Trano Fitehirizana.
b F&F 42:33–34, 55; 82:17–19.

mezako ho an' ity vahoaka ity tombontsoa handrindrany ny tenany araka ny "lalàko.

16 Ary Izaho manokana "ity tany ity ho azy mandritra ny fotoana fohy, ambara-panaovako Izaho Tompo fandrindrana hafa ho azy ary handidiako azy hiala eto;

17 Ary tsy omena azy ny ora sy ny andro, koa aoka izy hiasa ity tany ity toy ireny haharitra an-taona maro ireny, ary izany dia hanjary soa ho azy.

18 Indro, ho "ohatra ho an' i

Edward Partridge mpanompo-ko izany amin' ireo toeran-kafa, ao amin' ny fiangonana rehetra.

19 Ary na zovy na zovy no hita ho mahatoky, marina ary "mpitantan-draharaha hendry, dia hiditra ao amin' ny "fifalian' ny Tompony izy ary handova ny fiainana mandrakizay.

20 Lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho no Jesoa Kristy izay "avy faingana tokoa amin' ny "ora izay tsy ampoizinareo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 52

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' ny loholon' ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 7 Jona 1831 (History of the Church, 1:175–179). Natao tao Kirtland ny fihaonambe izay nanomboka ny fahatelon' ny volana Jona ary nifarana ny fahenina. Tamin' io fihaonambe io no nanaovana voalohany ny fanokanana manokana ho amin' ny anjara fanompoan' ny mpisorona avo, ary tsikaritra ny fisehoan' ireo fanahy sandoka sy mpamitaka vitsivitsy ka noroahina.

1–2, Voatondro hatao any Missouri ny fihaonambe manaraka; 3–8, Natao ny fanendrena ireo loholona sasany izay hiara-dalana; 9–11, Tokony hampianatra izay efa nosoratan' ireo apostoly sy mpaminany ny loholona; 12–21, Ireo nohava-vain' ny Fanahy dia mamoa ny voan' ny fiderana sy ny fahendrena; 22–44, Notendrena ny loholona maromaro mba hitory ny filazantsara mandritra ny diany manka-ny Missouri hamonjy fihaonambe.

INDRO, izao no lazain' ny Tompo amin' ireo loholona izay efa "nantsoiny sy nofinidiny amin' izao andro farany izao tamin' ny feon' ny Fanahiny—

2 Manao hoe: Izaho Tompo dia hampahafantatra anareo izay tiako hataonareo hatramin' ity fotoana ity ka hatramin' ny fihaonambe manaraka izay hatao any Missouri, eo amin' ny "tany izay "hatokako ho an' ny vahoakako izay "sisatavela amin' i

15a F&F 51:2.
16a 1E Kirtland, faritr' i Ohio.
18a 1E modely iray.
19a Mat. 24:45–47.
TSM Fitantanana-

draharaha.
b TSM Fifaliana.
20a Fan. 22:6–16.
b Mat. 24:44.
52 1a TSM Antso, Antsoin'

Andriamanitra.
2a F&F 57:1–3.
b F&F 58:57; 84:3–4.
d Sal. 135:4;
3 Ne. 5:21–26.

Jakôba, ary ireo izay mpandova araka ny ^afanekempihavanana.

3 Koa lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ny mpanompoko isany, i Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon handeha raha vantany vao azony atao ny fiomanany handao ny tokantranony, ary hizotra ho any antanin' i Missouri.

4 Ary raha mahatoky Amiko izy ireo, dia hampahafantarina azy ireo izay tokony hataony;

5 Ary hampahafantarina azy ireo koa, raha mahatoky izy ireo, ny ^atany lovanareo.

6 Ary raha tsy mahatoky izy ireo dia hosarahina hiala, araka izay tiako sady heveriko ho tsara.

7 Ary ankoatra izany, dia lazai-ko aminareo marina tokoa, aoka i Lyman Wight mpanompoko sy i John Corrill mpanompoko handeha faingana tokoa;

8 Ary aoka koa i John Murdock mpanompoko sy i Hyrum Smith mpanompoko handeha hankamin' izany tany izany ihany koa ka handalo an' i Detroit.

9 Ary aoka izy ireo hiainga avy ao, hitory ny teny eny an-dalana, ka ^atsy hilaza zavatra hafa afa-tsy izay efa nosoratan' ireo ^bmpaminany sy apostoly ary izay efa ampianarin' ny ^aMpam-pionona azy ireo amin' ny alalan' ny fivavaky ny finoana.

10 Aoka izy ireo handeha ^atsi-roaroa, ary dia toy izany no aoka hitoriany eny an-dalana any amin' ny fiangonana rehetra, ka hanao batisa amin' ny ^brano ary ^ahametra-tanana eo amoron' ny rano.

11 Fa izao no lazain' ny Tom-po: Hohafomeziko faingana ny asako amin' ny ^afahamarinana, fa avy ny andro izay handefasako fitsarana ho fandresena.

12 Ary aoka i Lyman Wight mpanompoko hitandrina, fa i Satana dia maniry ny ^ahikoro-roka azy tahaka ny akofa.

13 Ary indro, izay ^amahatoky dia hatao mpanapaka ny zavatra maro.

14 Ary ankoatra izany, dia homeko anareo ny fakantahaka amin' ny zavatra rehetra, mba tsy ho azo fitahina ianareo; fa mivezivezy eran-tany i Satana, ary mivoaka izy hamitaka ireo firenena—

15 Koa izay mivavaka, ka ^amanenina ny fanahiny, dia izy no ^bekeko raha mankatò ny ^aôrdônansiko.

16 Izy miteny, ka manenina ny fanahiny, ka feno fanetren-tena ny fiteniny sady mampiorina, dia izy no avy amin' Andriamanitra raha mankatò ny ôrdônansiko.

17 Ary ankoatra izany, izay mangovitra noho ny heriko dia

2e Abr. 2:6-11.

tsm Fanekempihavanan' i Abrahama.

5a F&F 57:1-3.

9a Môsià 18:19-20.

b F&F 42:12; 52:36.

tsm Soratra Masina.

d tsm Mpam-pionona;

Fanahy Masina;

Mampianatra—

Mampianatra miaraka amin' ny

Fanahy.

10a Mar. 6:7; F&F 61:35.

b Jao. 1:26.

d Asa 8:14-17.

11a Roma. 9:28.

12a Lio. 22:31;

3 Ne. 18:17-18.

13a Mat. 25:23;

F&F 132:53.

15a tsm Fo Torotoro.

b F&F 97:8.

d tsm Ôrdônansy.

"hohatanjahina ary hamoa ny voan' ny fiderana sy ny ^bfahendrena araka ny fanambarana sy ny fahamarinana izay efa nomeko anareo.

18 Ary ankoatra izany, izay resy ary "tsy mamoa voa araka izany toromarika izany dia tsy avy Amiko.

19 Koa araka izany toromari-ka izany no "hahafantarana-ireo fanahy amin' ny toe-javatra rehetra, ambanin' ny lanitra manontolo.

20 Ary efa avy ny andro; "hohovina amin' ny olona araka ny finoany.

21 Indro izany didy izany dia omena ho an' ireo loholona rehetra izay efa nofinidiko.

22 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i "Thomas B. Marsh mpanompoko sy i Ezra Thayre mpanompoko handeha hankamin' izany tany izany ihany koa sady hitory ny teny eny andalana.

23 Ary ankoatra izany, dia aoka i Isaac Morley mpanompoko sy i Ezra Booth mpanompoko handeha hankamin' izany tany izany sady hitory ny teny koa eny andalana.

24 Ary ankoatra izany, dia aoka ny mpanompoko isany, i "Edward Partridge sy i Martin Harris, handeha miaraka amin' ny mpanompoko isany,

i Sidney Rigdon sy i Joseph Smith zanany.

25 Ary aoka ny mpanompoko isany, i David Whitmer sy i Harvey Whitlock, handeha koa ho amin' izany tany izany ihany ary hitory eny andalana.

26 Ary aoka ny mpanompoko isany, i "Parley P. Pratt sy i ^bOrson Pratt, handeha ho any amin' izany tany izany ihany ary hitory eny andalana.

27 Ary aoka ny mpanompoko isany, i Solomon Hancock sy i Simeon Carter, handeha koa ho amin' izany tany izany ihany ary hitory eny andalana.

28 Aoka ny mpanompoko isany, i Edson Fuller sy i Jacob Scott, handeha koa.

29 Aoka ny mpanompoko isany, i Levi W. Hancock sy i Zebedee Coltrin, handeha koa.

30 Aoka ny mpanompoko isany, i Reynolds Cahoon sy i Samuel H. Smith, handeha koa.

31 Aoka ny mpanompoko isany, i Wheeler Baldwin sy i William Carter, handeha koa.

32 Ary aoka ny mpanompoko isany, i "Newel Knight sy i Selah J. Griffin, samy hatokana ary handeha koa.

33 Eny, lazaiko marina tokoa, aoka ireo rehetra ireo handeha hankamin' ny toerana iray ihany, amin' ny lalana samy hafa, ary ny olona iray tsy hanorina eo amin' ny "fanorenan' ny

17a F&F 66:8; 133:58.

b TSM Fahendrena.

18a Mat. 3:10.

19a TSM Mamantatra,
Fanomezam-
pahasoavana Hoenti-.

20a Mat. 8:5-13.

22a F&F 56:5.

TSM Marsh, Thomas B.

24a TSM Partridge,
Edward.

26a TSM Pratt, Parley

Parker.

b TSM Pratt, Orson.

32a F&F 56:6-7.

33a Roma. 15:20.

iray hafa sady tsy hanaraka ny dian' ny iray hafa.

34 Izay mahatoky, dia izy no hotehirizina ary hotahina amin' ny "vokatra be.

35 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, aoka ny mpanompoko isany, i Joseph Wakefield sy i Solomon Humphrey handeha, ho any amin' ny tany atsinanana.

36 Aoka izy ireo hiara-hiasa ao amin' ny fianakaviany, ka tsy "hanambara zavatra afa-tsy ireo mpaminany sy apostoly izay efa ^bhitany sy reny ary ^dinoany marina tokoa, mba hahatant-raka ireo faminaniana;

37 Ho setrin' ny fandikan-dalàna, dia aoka izay efa natolotra an' i Heman Basset "halaina aminy ary hape-traka eo ambo-ny lohan' i Simonds Ryder.

38 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Jared Carter "hatokana ho mpisorona, ary aoka koa i Georges James hatokana ho ^bmpisorona.

39 Aoka ny ambiny amin' ireo loholona "hiandry ireo sampan' ny fiangonana ary hanambara ny teny amin' ireo faritra manodidina azy; ary aoka izy ireo

hiasa amin' ny tanany ihany mba tsy hisy ^bfanompoan-tsampy na faharatsiana hatao.

40 Ary tsarovy amin' ny zava-otra rehetra ny "mahantra sy ny ^bsahirana, ny marary sy ny ory, fa izay tsy manao ireo zavatra ireo dia tsy mpianatro.

41 Ary ankoatra izany, dia aoka ny mpanompoko isany, i Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon ary i Edward Partridge, hitondra "fanamarinana avy amin' ny fiangonana. Ary aoka hakana anankiray ihany koa i Oliver Cowdery mpanompoko.

42 Ary dia toy izany, araka izay efa nolazaiko, raha mahatoky ianareo dia hiara-mivory mba hifaly eo amin' ny tanin' i "Missouri, izay tany ^blovana-reo, izay tanin' ny fahavalona-reo ankehitriny.

43 Nefa indro, Izaho Tompo dia hanafaingana ny tanàna amin' ny fotoany ary hosatrohako amin' ny satroboninahitry ny "fifaliana sy ny firavoravoana ny mahatoky.

44 Indro Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ary Izaho "hanandratra azy ireo amin' ny andro farany. Izany tokoa. Amena.

34a Jao. 15:16;

F&F 18:15-16.

36a Môsià 18:19-20;

F&F 52:9.

b Jao. 3:11.

d TSM Finoana.

37a Mat. 25:25-30.

38a F&F 79:1.

b TSM Mpisorona,

Fisoronana Aharôna.

39a Almà 6:1.

b TSM Fanompoan-tsampy.

40a F&F 104:15-18.

TSM Mahantra.

b TSM Asa

Fanasoavana.

41a F&F 20:64.

42a TSM Ziona.

b F&F 25:2; 57:1-3.

43a TSM Fifaliana.

44a F&F 88:96-98.

FIZARANA 53

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Algernon Sidney Gilbert tao Kirtland, Ohio, ny volana Jona 1831 (History of the Church, 1:179-180). Noho ny fangatahan' i Sidney Gilbert, dia nanontanian' ny mpaminany ny Tompo ny momba ny asa sy ny antso ho an' ny Rahalahy Gilbert ao amin' ny Fiangonana.

1-3, Ny antso sy ny fifidianana an' i Sidney Gilbert ao amin' ny Fiangonana dia ny hatokana ho loholona; 4-7, Tokony hitana ny toeran' ny mpandraharahan' ny eveka koa izy.

INDRO, lazaiko anao ry Sidney Gilbert mpanompoko, fa efa reko ny fivavakao; ary efa nantsoinao Aho mba hampahafantarin' ny Tompo Andriamanitrao anao ny momba ny antso sy ny "fifidianana anao ao amin' ny fiangonana izay efa natsangako Izaho Tompo amin' izao andro farany izao.

2 Indro, Izaho Tompo, izay "nohomboana noho ny fahotan' izao tontolo izao, dia manome didy anao, ^bhahafoizanao izao tontolo izao.

3 Raiso eo aminao ny fanoakanako, dia ny ho loholona, mba hitory ny finoana sy ny

fibebahana ary ny "famelana ny fahotana araka ny teniko, ary ny fandraisana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny ^bfametrahan-tanana;

4 Ary koa ny ho "mpandraharaha ho an' ity fiangonana ity eo amin' ny toerana izay hotondroin' ny eveka, araka ny didy izay homena rahatrizay.

5 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa, handeha hiaraka amin' ny mpanompoko isany i Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon ianao.

6 Indro, ireo no ôrdônansy voalohany izay horaisinao; ary ny sisa dia hampahafantarina amin' ny fotoana ho avy araka ny asanao ao amin' ny tanimboliko.

7 Ary ankoatra izany, dia tiako ny hianaranao fa izay "maharitra hatramin' ny farany ihany no hovonjena. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 54

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Newel Knight tao Kirtland, Ohio, ny volana Jona 1831 (History of the Church, 1:180-181). Nisara-bazana ny mpikambana tao amin' ny sampan' ny Fiangonana tao Thompson, Ohio, noho ireo raharaha mika-

53 1a TSM Fiantsoana sy
Fifidianana;
Olom-boafidy;
Fifidianana.
2a TSM Fanomboana.

b TSM Izao Tontolo
Izao; Rehak' Izao
Tontolo Izao.
3a TSM Famelana ny
Fahotana.

b TSM Fametrahan-
tanana.
4a F&F 57:6, 8-10,
14-15; 84:113.
7a TSM Maharitra.

sika ny fanokanana fananana. Niharihary ny fitiavan-tena sy ny fimati-matesan-karena, ary tsy notanan' i Leman Copley ny faneken' hanokana ny toeram-piompiana sy fambolena midadasika nananany ho toerana lovain' ireo Olomasina tonga avy any Colesville, New York. Voasingotra tao amin' ny adivevitra koa i Ezra Thayre. Noho izany dia nanatona ny Mpaminany i Newel Knight (filohan' ny sampana tao Thompson) sy ireo loholona hafa nanontany izay tokony hatao. Nanontany ny Tompo ny Mpaminany ary nandray izao fanambarana izao. (Jereo ny fizarana 56 izay tohin' ny raharaha.)

1–6, Tsy maintsy mitandrana ny fanekempihavanana ny filazantsara ireo Olomasina mba hahazo famindram-po; 7–10, Tsy maintsy manam-paharetana ao amin' ny fahoriana izy ireo.

INDRO, izao no lazain' ny Tompo, dia "Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiasarana, dia Ilay ^bnohomboana noho ny fahotan' izao tontolo izao —

2 Indro, lazaiko aminao marina dia marina tokoa ry Newel Knight mpanompoko, tomoera tsara ao amin' ny anjara fanompoana izay efa nanendrekona.

3 Ary raha maniry ny hiala ny fahavalony ireo rahalahinao, dia aoka izy ireo hibe-baka amin' ny fahotany rehetra ary ho tonga "manetry tena marina tokoa sy manenina eo anoloako.

4 Ary satria efa noravana ny "fanekempihavanana izay nataony Tamiko, dia efa nanjary ^bfoana izany ary tsy manankery.

5 Ary lozan' izay mahatonga izany "fahatafintohinana izany, fa ho tsaratsara kokoa ho azy raha nalentika tany amin' ny ranomasina lalina izy.

6 Fa sambatra ireo izay nitana ny fanekempihavanana sy nitandrana ny didy, fa hahazo "famindram-po izy ireo.

7 Koa andeha ankehitriny ka andosiro ny tany, fandrao hisovoka anareo ny fahavalonareo; dia mandehana ka manendre izay ho mpitondra anareo sy handoa vola ho anareo.

8 Ary dia toy izany no handehanareo mankamin' ny faritra andrefana, mankamin' ny tanin' ny "Missouri, ho any amin' ny sisintanin' ny Lamanita.

9 Ary rehefa mahavita ny dinareo ianareo, dia indro lazaiko aminareo hoe, mitadiava ianareo "fivelomana tahaka ny olona ambara-panomanako toerana iray ho anareo.

10 Ary ankoatra izany, dia "miareta amin' ny fahoriana mandra-^bpiaviko; ary indro, avy faingana Aho ary miaraka

54 1a Fan. 1:8; F&F 19:1.
TSM Alfa sy Omega.
b TSM Fanomboana.
3a TSM Fanetren-tena.
4a F&F 42:30–39.

TSM Manokana.
b F&F 58:32–33.
5a Mat. 18:6–7.
6a TSM Famindram-po.
8a F&F 52:42.

9a 1 Tes. 4:11.
10a TSM Faharetana.
b Fan. 22:12.
TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

Amiko ny valisoako, ary ireo izay ^anikatsaka Ahy fatratra dia

hahita ^efitsaharana ho an' ny fanahiny. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 55

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i William W. Phelps tao Kirtland, Ohio, ny volana Jona 1831 (History of the Church, 1:184-186). Vao tonga tao Kirtland i William W. Phelps mpanonta printy mbamin' ny fiankaviany ary nanontany ny Tompo ny momba azy ny Mpaminany.

1-3, Voantso sy voafidy mba hatao batisa, hatokana ho loholona ary hitory ny filazantsara i W. W. Phelps; 4, tokony hanoratra boky ho an' ireo ankizy ao amin' ny sekolin' ny Fiangonana izy; 5-6, Izy dia tokony handeha ho any Missouri izay ho toeram-piasany.

INDRO, izao no lazain' ny Tompo aminao ry William mpanompoko, eny, dia ny Tompon' ny ^atany manontolo, ianao dia voantso sy voafidy; ary rehefa ^bvita batisa amin' ny rano ianao, izay raha ataonao amin' ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitro, dia ho azonao ny famelana ny fahotanao sy ny fandraisana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny ^afametrahan-tanana;

2 Ary amin' izany dia hatokana ho loholona amin' ity fiangonana ity ianao, amin' ny alalan' ny fametraha-tanan' i Joseph Smith zanany mpanompoko, mba hitory ny fibebahana sy ny ^afamelana ny fahotana amin' ny

alalan' ny batisa, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, ny zanak' Ilay Andriamanitra velona.

3 Ary hanan-kery ianao hano-me ny Fanahy Masina amin' izay rehetra hamatrehanao tanana, raha manenina eo anoloako izy ireo.

4 Ary ankoatra izany, dia hatokana ianao mba hanampy an' i Oliver Cowdery mpanompoko, hanao ny asa printy sy amin' ny fifantenana ary ny fanoratanana ^aboky ho an' ireo sekoly ao amin' ity fiangonana ity, mba hahazoan' ny ankizy madinika mandray fampianarana eo anoloako koa, araka izay ankasitrahako.

5 Ary ankoatra izany, dia lazai-ko aminao marina tokoa, noho izao antony izao dia handeha hiaraka amin' i Joseph Smith zanany mpanompoko sy i Sidney Rigdon ianao, mba ho azo ^aambolena eo amin' ny tany lovanao ianao, hanao io asa io.

6 Ary ankoatra izany, dia aoka koa i Joseph Coe mpanompoko

10d Ohab. 8:17.
TSM Vavaka.
e Mat. 11:28-30.
TSM Fitsaharana.
55 1a Deot. 10:14;

1 Ne. 11:6;
2 Ne. 29:7.
b TSM Batisa.
d TSM Fametrahan-tanana.

2a TSM Famelana ny Fahotana.
4a F&F 88:118; 109:7, 14.
5a Amo. 9:15.

hiaraka amin' izy ireo. Hampa-hafantarina any aoriana ny am-

biny, dia araka izay sitrako. Amena.

FIZARANA 56

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny volana Jona 1831 (History of the Church, 1:186-188). Ezra Thayre, izay efa notendrena ho any Missouri hiaraka amin' i Thomas B. Marsh (jereo ny fizarana 52:22), dia tsy afaka nanomboka ny asa nanirahana azy nony vonona ity farany. Tsy vonona ny handeha i Thayre loholona noho izy voasingotra tamin' ny olana tao Thompson, Ohio (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 54). Novalian' ny Tompo ny fanontanian' ny Mpaminany tamin' ny fanomezana ity fanambarana ity.

1-2, Tsy maintsy mitondra ny hazofijaliany ny Olomasina ary manaraka ny Tompo mba hahazo famonjena; 3-13, Ny Tompo no manome sy manafoana ny didy, ary roahina ny tsy mpankatò; 14-17, Lozan' ny mpanan-karena izay tsy te hanampy ny mahantra ary lozan' ny mahantra izay tsy torotoro fo; 18-20, Sambatra ny mahantra izay madio am-po, fa izy no handova ny tany.

MIHAINOA, ô ianareo ry vahoaka izay "mitondra ny anarako hoy ny Tompo Andriamanitrareo; fa indro, mirehitra amin' ny mpikomy ny fahatezerako ary ho fantany ny sandriko sy ny fahavinirako amin' ny andron' ny ^bfamaliana sy ny fisafoahana amin' ireo firenena.

2 Ary izay tsy te hitondra ny "hazofijaliany ka ^bhanaraka Ah

ary hitandrina ny didiko dia tsy hovanjena.

3 Indro, Izaho Tompo dia mandidy; ary izay tsy "mankatò dia ^bhosarahina amin' ny fotoana mahamety izany Amiko, rehefa nandidy Aho ary nodikaina ilay didy.

4 Koa Izaho Tompo dia manome didy ary "manafoana araka izay heveriko ho tsara; ary iza ny rehetra izany dia hovaliana eo ambony lohan' ny ^bmpikomy, hoy ny Tompo.

5 Koa Izaho dia manafoana ny didy izay nomena ny mpanompoko isany, i "Thomas B. Marsh sy i Ezra Thayre ary manome didy vaovao an' i Thomas mpanompoko, mba handehanany faingana mankany amin' ny tanin' i Missouri, ary handeha hiaraka aminy koa i Selah J. Griffin mpanompoko.

6 Fa indro, Izaho dia manafoa-

56 1a F&F 41:1.
b Isa. 10:3-4;
Môrm. 9:2;
F&F 1:13-14; 124:10.
2a Lio. 14:27.
b 1 Pet. 2:21;

2 Ne. 31:10-13;
Môrô. 7:11.
TSM Jesoa Kristy—Ny
ohatra nasehon' i
Jesoa Kristy.
3a TSM Mankatò.

b F&F 1:14-16; 50:8.
4a F&F 58:31-33.
b TSM Fikomiana.
5a TSM Marsh, Thomas B.

na ny didy izay nomena ny mpanompoko isany, i Selah J. Griffin sy i Newel Knight ho setrin' ny hamafy hatoky ny vahoakako izay ao Thompson sy ny fikomiany.

7 Koa aoka i Newel Knight mpanompoko hijanona miaraka amin' izy ireo; ary izay rehetra ta handeha ka manenina eo anoloako dia mahazo mandeha, ka hotarihiny ho any amin' ny tany izay efa notondroiko.

8 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy maintsy mibebaka amin' ny "fiavonavonany sy amin' ny fitiavan-tenany i Ezra Thayre ary mankatò ny didy voalohany izay efa nomeko azy momba ny toerana izay onenany.

9 Ary raha manao izany izy, satria tsy hozarazaraina ny tany, dia mbola hotendrena handeha ho any Missouri ihany izy;

10 Raha tsy izany kosa, dia handray ny vola izay efa naloany izy ka handao ny toerana ary "hosarahina hiala amin' ny fiangonako hoy ny Tompo Andriamanitry ny maro;

11 Ary na dia ho levona aza ny lanitra sy ny tany, ireto teny ireto dia tsy ho "levona fa ho tanteraka.

12 Ary raha tsy maintsy mandoa ilay vola i Joseph Smith zanany mpanompoko, dia indro, Izaho Tompo no handoa

izany indray aminy any amin' ny tanin' i Missouri, ka ireo izay avy amin' izy ireo no handraisany dia ho azo valiana soa araka izay ataon' izy ireo;

13 Fa araka izay ataon' izy ireo no horaisin' izy ireo amin' ny tany ho lovany.

14 Indro, izao no lazain' ny Tompo amin' ny oloko—manana zavatra maro hatao sy hibe-bahana ianareo; fa indro, efa tafakatra atỳ Amiko ny fahot-nareo ary tsy voavela, noho ianareo "mikatsaka ny hanao araka ny fombanareo ihany.

15 Ary tsy afa-po ny fonareo. Ary tsy mankatò ny fahamari-nana ianareo fa mahita "fahafinaretana ao amin' ny tsy fahamarinana.

16 Lozanareo "mpanan-karena izay tsy te ^bhanome amin' ny harenareo ho an' ny "mahantra, fa hosimban' ny "harenareo ny fanahinareo; ary izao no ho tolokonareo amin' ny andron' ny famaliana sy ny an' ny fitsarana ary ny an' ny fahavinirana: Efa dila ny ^ffotoam-pijinjana, efa tapitra ny fahavaratra ary tsy voavonjy ny fanahiko!

17 Lozanareo "mahantra izay tsy torotoro ny fony, izay tsy manenina ny fanahiny ary izay tsy afa-po ny kibony ary izay tsy mijanona ny mandray ny zavatra ny olon-kafa ny tanany, izay feno ^bfitsiriritana ny masony,

8a TSM Fiavonavonana.

10a TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

11a 2 Ne. 9:16.

14a Jakôba 4:10.

15a Almà 41:10;

3 Ne. 27:11.

16a Jer. 17:11;

2 Ne. 9:30.

b TSM Fiantrana.

d Ohab. 14:31;

Almà 5:55-56.

TSM Mahantra.

e Jakoba 5:3.

f Jer. 8:20;

Almà 34:33-35;

F&F 45:2.

17a Môsià 4:24-27;

F&F 42:42; 68:30-32.

b TSM Mitsiriritra.

ary izay tsy te hiasa amin' ny tananareo!

18 Fa sambatra ny "mahantra izay madio am-po, izay ^btorotoro ny fony, ary izay manenina ny fanahiny, fa izy no hahita ny "fanjakan' Andriamanitra tonga amin-kery sy ny voninahidehibe ho fanafahana azy; fa ho azy ny menaky ny "tany.

19 Fa indro, ho avy ny Tompo

ary ny "valisoany dia hiaraka Aminy, ary hamaly ny olona tsirairay izy, ary hifaly ny mahantra;

20 Ary ny taranany no "hاندova ny tany, hatramin' ireo taranaka fara mandimby ka ho mandrakizay. Ary ankehitriny dia manisys farany ny fitenenako aminareo Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 57

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Ziona, Fivondronan' i Jackson, Missouri, ny 20 Jolay 1831 (History of the Church, 1:189–190). Ho fankatoavana ny didin' ny Tompo (fizarana 52), dia nandeha avy tany Kirtland nankany Missouri ireo loholona ary tojo fitrangan-javatra maro samy hafa sy fanoherana. Teo am-pisaintsainana ny toe-piainan' ny Lamanita sy ny tsy fisian' ny fahalalam-pomba, ny fahaiza-miaina ary ny fivavahana teo anivon' ny olona amin' ny ankapobeny, dia nihiaka ny Mpaminany hoe: "Rahoviana ny tany foana no hamony tahaka ny raozy? Rahoviana i Ziona no haorina ao amin' ny voninahiny, ary aiza no hatsangana ny Tempolinao izay any no handehanan' ireo firenena rehetra amin' ny andro farany?" (History of the Church, 1:189). Taorian' izany dia nandray ity fanambarana ity izy.

1–3, *Independence, Missouri no toerana ho an' ny Tanànan' i Ziona sy ny tempoly*; 4–7, *Tokony hividy tany sy handray lova amin' io fari-tra io ny Olomasina*; 8–16, *Tokony hanangana tranombarotra iray i Sidney Gilbert, tokony ho mpanonta printy i W. W. Phelps ary tokony hanomana raki-tsoratra mba havoaka ho boky i Oliver Cowdery.*

MIHAINOA, ô ianareo ry loholon' ny fiangonako, hoy ny Tompo Andriamanitrareo, dia ianareo izay miara-mivory araka ny didiko, eo amin' ity tany ity, dia ny tanin' i "Missouri, dia ^btany izay efa notondroiko sy "natokako ho "fanangonana ny Olomasina.

2 Koa ity no tanin' ny fampa-

18a Mat. 5:3, 8;

Lio. 6:20;

3 Ne. 12:3.

TSM Mahantra.

b TSM Fo Torotoro.

d TSM Fanjakan'

Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.
e TSM Tany.

19a Fan. 22:12; F&F 1:10.

20a Mat. 5:5;

F&F 45:56–58.

57 1a F&F 52:42.

b F&F 29:7–8; 45:64–66.

d F&F 61:17.

e TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny

Isiraely.

nantenana sy "toeran' ny tanànan' i ^bZiona.

3 Ary izao no lazain' ny Tompo Andriamanitrareo, raha te handray fahendrena ianareo, dia izao no fahendrena. Indro, ny toerana izay antsoina ankehitriny hoe Independence no toerana afovoany; ary ny faritra ho an' ny "tempoly dia ao andrefana, eo amin' ny sombin-tany izay tsy lavitra ny trano fitsarana.

4 Koa fahendrena ny tokony "hividianan' ny olomasina ny tany, ary koa ny sombin-tany rehetra ao andrefana, ka hatramin' ny soritra mandalo mivantana eo anelanelan' ny ^bJiosy sy ny Jentilisa;

5 Ary koa ny sombin-tany tsirairay manemitra ny kijana raha tahiny ka afaka "mividy ny tany ireo mpianatro. Indro izao no fahendrena, dia ny ^bhahazoany izany ho lova maharitra mandrakizay.

6 Ary aoka i Sidney Gilbert mpanompoko hanefa ny anjara fanompoana izay efa nanendrek' azy, mba handray ny vola, ho "mpandraharahan' ny fian-gonana, hividy ny tany eo amin' ny faritra rehetra manodidina, araka izay azo anaovana izany amin' ny fahamarinana, ary araka izay hitarihan' ny fahendrena.

7 Ary aoka i "Edward Partridge mpanompoko hanefa ny anjara fanompoana izay efa nanendrek' azy ary ^bhizara amin' ny olomasina ny lovary, dia araka izay efa nodidiako; ary koa ireo izay efa notendreny mba hanampy azy.

8 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Sidney Gilbert mpanompoko hiorim-ponenana eo amin' ity toerana ity ary hanangana tranombarotra iray mba hahazoany mivarotra entana tsy misy fanambakana, mba hahazoany vola hividianana ireo tany ho tombontsoan'ny olomasina ary mba hahazoany ireo zavatra rehetra mety ilain' ny mpianatra hanorenan' izy ireo fonenana eo amin' ny lovary.

9 Ary koa, aoka i Sidney Gilbert mpanompoko hahazo fahazoan-dalana—indro izao no fahendrena, ary na zovy na zovy no mamaky, dia aoka izy hahatakatra—mba hahazoany mandefa entana koa ho an' ny olona, amin' ny alalan' ireo izay tiany hampiasaina ho mpitan-tsoratra eo amin' ny raharahany;

10 Ary mamatsy toy izany an' ireo olomasiko, mba hahafahana mitory ny filazantsarako amin' ireo izay mipetraka ao amin' ny "haizina ary ao amin' ny faritra sy ^baloky ny fahafatesana.

2a F&F 28:9; 42:9, 62.

^b TSM Ziona.

3a F&F 58:57; 97:15-17.

4a F&F 48:4.

^b IE "Jiosy" eto dia miresaka momba ny Lamanita, ary "Jentilisa" dia ireo

fotsy hoditra

mpifindra monina.

5a F&F 58:49, 51;

101:68-74.

^b F&F 56:20.

6a F&F 53.

7a F&F 58:24.

TSM Partridge,

Edward.

^b F&F 41:9-11;

58:14-18.

10a Isa. 9:2;

Mat. 4:16.

TSM Haizim-panahy.

^b Sal. 23:4.

11 Ary ankoatra izany, dia la-zaiko aminareo marina tokoa, aoka i “William W. Phelps mpanompoko honina eo amin’ ity toerana ity ary hiorina eo toy ny ^bmpanonta printy ho an’ ny fiangonana.

12 Ary indro, raha mandray ny asa sorany izao tontolo izao — indro izao no fahendrena — aoka izy haka izay rehetra azony alaina amin’ ny fahamarinana, ho tombontsoan’ ny olomasina.

13 Ary aoka i “Oliver Cowdery mpanompoko hanampy azy araka izay efa nodidiako, na aiza na aiza toerana hanendreko azy, ka handika sy hanitsy ary hifantina mba ho marina eo anoloako ny zavatra rehetra, araka izay hanamarinan’ ny fanahy azy amin’ ny alalany.

14 Ary toy izany koa, aoka ireo izay efa noteneniko mba hiorim-ponenana eo amin’ ny tanin’ i Ziona faingana araka izay tratra, miaraka amin’ ny fianakaviany, ka hanao ireo zavatra ireo, araka izay efa noteneniko.

15 Ary ankehitriny momba ny fanangonana — Aoka ny eveka sy ny mpandraharaha hanao fanomanana faingana araka izay azo atao ho an’ ireo fianakaviany izay efa nodidina ho tonga eo amin’ ity tany ity, ary hampiorina azy ireo eo amin’ ny lovary.

16 Ary ho an’ ny ambiny amin’ ny loholona sy ny mpikambana dia homena any aoriana ireo toromarika hafa. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 58

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Ziona, Fivondronan’ i Jackson, Missouri, ny 1 Aogositra 1831 (History of the Church, 1:190–195). Tamin’ ny Sabata voalohany nanaraka ny fahatongavan’ ny Mpaminany sy ireo mpiara-dia taminy tao amin’ ny Fivondronan’ i Jackson, Missouri, dia natao ny fanompoam-pivavahana ary noraisina tamin’ ny batisa ny mpikambana roa. Nandritra io herinandro io no nahatongavan’ ny sasany tamin’ ireo Olomasin’ i Colesville, avy ao amin’ ny Sampan’ i Thompson mbamin’ ireo hafa (jereo fizarana 54). Liana ny maro ny hianatra ny sitrapon’ ny Tompo momba azy ireo eo amin’ ny toerana vaovao hiangonana.

1–5, Ireo izay maharitra fahorianana dia hosatrohina voninahitra; 6–12, Tokony hiomana ho amin’ ny fampakarambadin’ ny Zanakondry sy ny fanasana hataon’ ny Tompo ny Olomasina; 13–18, Mpitsara amin’ i Isiraely ny

eveka; 19–23, Tokony hankatò ny lalàn’ ny tany ny Olomasina; 24–29, Tokony hampiasa ny safidiny hanaovana ny tsara ny olona; 30–33, Mandidy sy manafiana ny Tompo; 34–43, Tsy maintsy mibaboka sy mahafoy ny

fahotany ny olona rehefa mibebaka; 44-58, Tokony hividy ny lovan'ny ny Olomasina ary hiangona ao Missouri; 59-65, Tsy maintsytariana amin' ny olona rehetra ny filazantsara.

MIHAINOA, ô ianareo ry lohohon' ny fiangonako ary mampandria sofina amin' ny teniko, ary ianaro Amiko izay sitrako momba anareo, ary koa ny momba "ity tany ity izay efa nandefasako anareo.

2 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, sambatra izay "mitandrina ny didiko, na eo amin' ny fiainana na ao amin' ny ^bfahafatesana; ary izay ^amahatoky amin' ny ^efahoriana, dia lehibe kokoa ny valisoany ao amin' ny fanjakan' ny lanitra.

3 Tsy hainareo jerena amin' ny masonareo voajanahary amin' izao fotoana izao ny fikasan' ^aAndriamanitrareo momba ireo zavatra izay ho avy rahatrizay ireo, ary ny ^bvoninahitra izay hanaraka aorian' ny fahoriana be.

4 Fa tonga aorian' ny ^afahoriana be ny ^bfitahiana. Koa avy ny andro izay ^ahampisatrohina anareo ^evoninahitra be; tsy mbola izao ny ora, fa efa akaiky sahady izany.

5 Tsarovy izany, izay lazaiko anareo mialoha mba hahazoana-

reo "mametraka izany ao am-po sy mandray izao manaraka izao.

6 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa fa izao no antony efa nandefasako anareo — mba hahatonga anareo ho mpankatò ary hahazoana "manomana ny fonareo hijoro ho ^bvavolombelon' ny zavatra izay ho avy;

7 Ary koa mba hahazoanareo voninahitra amin' ny fandatsahana ny fototra sy amin' ny fijoroana ho vavolombelon' ny tany izay eo aminy no haorina i ^aZionan' Andriamanitra;

8 Ary koa mba hahazoana manomana fanasana amin' ny hanim-py ho an' ny "mahantra; eny, fanasana amin' ny zavatra matavy, amin' ny divay miaraka amin' ny ^bfaikany nefa voadio tsara, mba hahafantaran' ny tany fa tsy ho diso ny vavan' ny mpaminany;

9 Eny, nahandro ao an-tranon' ny Tompo, voaomana tsara, izay hanasana ny firenen-drehetra.

10 Voalohany ny mpanankarena sy ny mahay, ny hendry sy ny andriana;

11 Ary aorian' izany dia avy ny andron' ny heriko; amin' izay dia hiditra ao amin' ny ^afampakarambadin' ny Zanakondry ny mahantra, ny mandringa ary ny jamba sy ny marenina ka handray anjara amin' ny ^bnahan-

58 1a F&F 57:1-8.

2a Môsià 2:22.

b 1 Pet. 4:6.

d 2 Tes. 1:4.

e TSM Fahoriana.

3a TSM Andriamanitra.

b TSM Voninahitra.

4a Sal. 30:5;

F&F 101:2-7;

103:11-14; 109:76.

b TSM Fitahiana.

d TSM Satroboninahitra;

Fisandratana.

e Roma. 8:17-18;

F&F 136:31.

5a Deot. 11:18-19.

6a F&F 29:8.

b TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

7a TSM Ziona.

8a TSM Mahantra.

b Isa. 25:6.

11a Mat. 22:1-14;

Fan. 19:9;

F&F 65:3.

b Lio. 14:16-24.

dron' ny Tompo, voaomana ho an' ny andro lehibe izay ho avy.

12 Indro, Izaho Tompo no efa niteny izany.

13 Ary mba hahazoan' ny "tenivavolombelona miainga avy ao Ziona, eny, avy amin' ny vavan' ny tanànan' ny lova avy amin' Andriamanitra —

14 Eny, noho izany antony izany no efa nandefasako anareo etoana, ary efa nifantenako an' i "Edward Partridge mpanompoko, ka efa nanendreko ny asa fitoriana azy eo amin' ity tany ity.

15 Nefa raha tsy mibebaka amin' ny fahotany izy, izay tsy finoana sy fahajamban' ny fo, dia aoka izy hitandrina fandrao ho "lavo.

16 Indro omena azy ny asa fitoriana ary tsy homena azy indray izany.

17 Ary na zovy na zovy no manana ity asa fitoriana ity dia voatendry ho "mpitsara amin' i Isiraely, tahaka ny tamin' ny andro fahiny mba hizara ny tany izay lova avy amin' Andriamanitra amin' ireo ^bzanany;

18 Ary mba hitsara ny olony amin' ny alalan' ny tenivavolombelon' ny olo-marina sy amin' ny alalan' ny fanampian' ireo mpanolotsainy, araka ny lalàn' ny fanjakana, izay omen' ireo "mpaminanin' Andriamanitra.

19 Fa lazaiko aminareo marina

tokoa, hotandremana eo amin' ity tany ity ny lalàko.

20 Aoka tsy hisy olona hihevitra fa izy no mpanapaka; fa aoka kosa Andriamanitra no hanapaka izay mitsara, araka ny torohevitra ny sitrapony, na amin' ny teny hafa, izay manoro hevitra na izay mipetraka eo amin' ny toeram-pitsarana.

21 Aoka tsy hisy olona handika ny "lalàn' ny tany, fa izay mitandrina ny lalàn' Andriamanitra dia tsy tokony handika ny lalàn' ny tany.

22 Koa manoava ny hery izay misy ambara-panjakany, "Ilay manan-jo hanjaka, ka mampainaiky ny fahavalo rehetra eo ambanin' ny tongony.

23 Indro, ny "lalàna izay efa noraisinareo tamin' ny tanako dia ny lalàn' ny fiangonana, ary ao amin' izany hazavana izany no hiheveranareo azy. Indro, izany no fahendrena.

24 Ary ankehitriny, toy izay noteneniko momba an' i Edward Partridge mpanompoko, ity tany ity dia tany fonenany sy an' ireo izay efa notendreny ho mpanolotsainy; ary koa tany fonenan' ilay efa notendreny mba hitana ny "trano fitehirizako;

25 Koa, aoka izy ireo hitondra ny fianakaviany ho eo amin' ity tany ity, araka izay hifandinihan' izy ireo Amiko.

26 Fa indro, tsy mety ny hibai-

13a Mika 4:2.

14a TSM Partridge, Edward.

15a 2 Tan. 10:12.

17a F&F 107:72-74.

TSM Eveka.

b TSM Zanakalahy sy

Zanakavavin'

Andriamanitra.

18a TSM Mpaminany.

21a Lio. 20:22-26;

F&F 98:4-10;

Fp. 1:12.

TSM Fitondram-

panjakana.

22a TSM Jesoa Kristy; Mesia; Arivotaona.

23a TSM Lalàna.

24a F&F 51:13; 70:7-11.

koako amin' ny zava-drehetra; fa izay terena amin' ny zava-drehetra dia "mpanompo kamo sady tsy hendry; koa tsy mandray valisoa izy.

27 Lazaiko marina tokoa, fa ny olona dia tokony "hazoto hi-rotsaka amin' ny tanjona tsara, ary hanao zavatra maro amin' ny nahim-pony ka hahatonga fahamarinana fatratra;

28 Fa ao aminy ny hery izay ahafahany "manao safidy ho an' ny tenany. Ary raha manao soa ny olona, dia tsy hamery mihitsy ny valisoany izy.

29 Fa izay tsy manao na inona na inona raha tsy baikoana ary mandray baiko amin' ny fo feno fisalasalana ka manatanteraka izany ao amin' ny haka-moana, dia "voaheloka.

30 Zovy moa Izaho izay "nanao ny olombelona, hoy ny Tompo, no hihevitra izay tsy mankatò ny didiko ho tsisy tsiny?

31 Zovy moa Izaho, hoy ny Tompo, izay efa "nampanante-na nefa tsy nahatanteraka?

32 Mandidy Aho nefa tsy mankatò ny olona; "manafoana Aho ka tsy raisiny ny fitahiana.

33 Amin' izany dia hoy izy anakampo: Tsy asan' ny Tompo ity, satria tsy tanteraka ny fampanantenany. Nefa lozan' ny toy izany fa mamitsaka any "ambany ny valisoany fa tsy avy any ambony.

34 Ary ankehitriny dia omeko anareo ireo toromarika hafa momba ity tany ity.

35 Fahendrena ao Amiko ny haha-fakatahaka an' i Martin Harris ho an' ny fiangonana, amin' ny "fametrany ny volany eo anoloan' ny evekan' ny fiangonana.

36 Ary izany koa dia lalàna ho an' ny olona tsirairay izay tonga eo amin' ity tany ity mba handray lova; ary izy dia hanao amin' ny volany araka izay andidian' ny lalàna.

37 Ary fahendrena koa ny tokony hividianana tany ao Independence, ho toerana ho an' ny trano fitehirizana, ary koa ho an' ny trano "fanontana printy.

38 Ary ireo toromarika hafa momba an' i Martin Harris mpanompoko dia homen' ny Fanahy azy, mba hahazoany mandray ny lovany araka izay heveriny ho tsara;

39 Ary aoka izy hibebaka amin' ny fahotany, fa mitady ny "fideran' izao tontolo izao izy.

40 Ary aoka koa i "William W. Phelps mpanompoko hanefa ny anjara fanompoana izay efa nanendreko azy ary handray ny lovany amin' ny tany;

41 Ary mila mibebaka koa izy, satria Izaho Tompo dia tsy mankasitraka azy fa mitady ny ho ambony izy, ary tsy ampy ny fanetren-tenany eo anoloako.

26a Mat. 24:45-51;
F&F 107:99-100.

27a TSM Fahazotoana;
Asa.

28a TSM Safidy.

29a TSM Fahamelohana.

30a Isa. 45:9-10;
Hel. 12:6.

31a F&F 1:37-38; 82:10.

32a F&F 56:3-4.

33a F&F 29:45.

35a F&F 42:30-32.

37a F&F 57:11-12.

39a 2 Ne. 26:29;
F&F 121:34-37.

40a TSM Phelps,
William W.

42 Indro, izay efa “nibebaka tamin’ ny fahotany, dia izy no ^bvoavela, ary Izaho Tompo dia “tsy mahatsiaro izany intsony.

43 Izao no ahafantaranareo raha mibebaka amin’ ny fahotany ny olona — indro “hibaboka izany izy ary ^bhahafoy izany.

44 Ary ankehitriny, lazaiko marina tokoa, momba ny ambiny amin’ ireo loholon’ ny fiangonako, dia tsy mbola tonga ho azy ireo ny fotoana handraisa-ny ny lovany amin’ ity tany ity alohan’ ny taona maro, raha tsy hoe maniry izany amin’ ny alalan’ ny fivavaky ny finoana izy ireo, ary araka izay hanendren’ ny Tompo izany amin’ izy ireo.

45 Fa indro, izy ireo no “hanosika ny olona miaraka avy any am-paran’ ny tany.

46 Koa miaraha mivory ianareo; ary ireo izay tsy voatendry ny hijanona eo amin’ ity tany ity, dia aoka izy ireo hitory ny filazantsara amin’ ny faritra manodidina; ary rehefa izany, dia aoka izy ireo hiverina any an-tokantranony.

47 Aoka izy ireo hitory eny an-dalana ary ho “vavolombelona hanambara ny fahamari-nana amin’ ireo toerana rehetra ka hiantso ny manan-karena, ny ambony sy ny ambany ary ny mahantra hibe-baka.

48 Ary aoka izy ireo hanorina

“fiangonana arakaraka ny hibe-bahan’ ny mponin’ ny tany.

49 Ary aoka hisy mpandrahara iray hotendrena amin’ ny alalan’ ny feon’ ny fiangonana ho an’ ny fiangonana ao Ohio, mba handray ny vola hividiana-ny ny tany ao i “Ziona.

50 Ary omeko an’ i Sidney Rigdon mpanompoko ny didy “hanoratany filazalazana momba ny tanin’ i Ziona sy lahatso-ratra iray momba ny sitrapon’ Andriamanitra, araka izay hampahafantarin’ ny Fanahy azy;

51 Ary koa ny taratasy fandro-tsaham-bola haseho ny fiangonana rehetra hahazoam-bola hatao eo an-tanan’ ny eveka, na ny tenany ihany na ny mpan-draharaha, araka izay heveriny fa tsara na araka izay torohevitra homeny, mba hividiana-ny tany ho lovan’ ireo zanak’ Andriamanitra.

52 Fa indro, lazaiko aminareo marina tokoa, tian’ ny Tompo ny hanokafan’ ireo mpianatra sy ny zanak’ olombelona ny fon’ izy ireo, mba hividy ity faritra manontolo amin’ ny tany ity raha vantany vao mamela izany ny fotoana.

53 Indro, eto ny fahendrena. Aoka izy ireo hanao izany fandrao tsy handray “lova izy ireo raha tsy amin’ ny fandasahan-dra.

54 Ary ankoatra izany, raha

42a TSM Fibebahana.

b Isa. 1:18.

TSM Mamela.

d Isa. 43:25.

43a F&F 19:20; 64:7.

TSM Miaiky.

b F&F 82:7.

45a Deot. 33:17.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny

Isiraely.

47a F&F 68:8.

48a IE sampan’ ny

Fiangonana.

49a TSM Ziona.

50a F&F 63:55-56.

53a F&F 63:27-31.

misy tany azo, dia aoka hisy mpiasa isan-karazany halefa eo amin' izany tany izany mba hiasa ho an' ny olomasin' Andriamanitra.

55 Aoka ireo zavatra rehetra ireo hatao amim-pilaminana; ary aoka ny tombontsoa momba ny tany hampahafantarina ny eveka na ny mpandraharahan' ny fiangonana ombieny ombieny.

56 Ary aoka ny asa momba ny fanangonana tsy hatao ao amin' ny firotorotoana, na ny fandosirana; fa aoka izany hatao araka izay hatoron' ireo loholon' ny fiangonana amin' ny fihaonambe, araka ny fahalalana izay raisiny ombieny ombieny.

57 Ary aoka i Sidney Rigdon mpanompoko hanokana sy hanendry ity tany ity sy ny faritra ho an' ny "tempoly, ho an' ny Tompo.

58 Ary aoka hatao ny fivoriana ny fihaonambe; ary aorian' izany dia aoka ny mpanompoko isany, i Sidney Rigdon sy i Joseph Smith zanany hiverina, ary hiaraka amin' izy ireo koa i Oliver Cowdery, mba hamita ny ambiny amin' ny asa izay efa notendreko ho azy ireo any amin' ny taniny ihany, ary ny ambiny araka izay "hanapahan' ny fihaonambe azy.

59 Ary aoka tsy hisy olona hiverina avy amin' ity tany ity raha tsy efa "mijoro ho vavo-

lombelon' izay fantany ary tena inoany marina tokoa eny an-dalana.

60 Aoka izay efa natolotra an' i Ziba Peterson halaina aminy; ary aoka izy hijanona ho mpikambana amin' ny fiangonana ary hiasa amin' ny tanany ihany miaraka amin' ireo rahalahy ambara-pahampy ny "famaizana azy noho ny fahotany rehetra; fa tsy mibaboka izany izy ary mihevitra ny hanafina izany.

61 Aoka ny ambiny amin' ireo loholon' ity fiangonana ity, izay tonga eo amin' ity tany ity, izay ny sasany aminy dia tahina mihoa-pampana, hanao fihaonambe koa eo amin' ity tany ity.

62 Ary aoka i Edward Partridge mpanompoko hitarika ny fivoriana izay hataon' izy ireo.

63 Ary aoka hiverina koa izy ireo, sady hitory ny filazantsara eny an-dalana no hijoro ho vavolombelon' ireo zavatra ambara amin' izy ireo.

64 Satria marina tokoa fa tsy maintsy miala avy eo amin' ity toerana ity ny feo ka mankany amin' izao tontolo izao ary hatrany amin' ny faran' ny tany — tsy maintsy "toriana amin' ny olona rehetra ny filazantsara, miaraka amin' ireo ^bfamantarana izay hanaraka izay mino.

65 Ary indro "avy ny Zanak' olona. Amena.

57a F&F 57:3; 84:3–5, 31; 97:10–17.

58a TSM Faneken' ny Rehetra.

59a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

60a TSM Famaizana.

64a TSM Mitory.

^b TSM Famantarana.

65a TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

FIZARANA 59

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Ziona, Fivondronan' i Jackson, Missouri, ny 7 Aogositra 1831 (History of the Church, 1:196-201). Talohan' ny nitanany ity fanambarana ity an-tsoratra, dia nanoratra ny Mpaminany, nilazalaza ny momba ny tanin' i Ziona izay nivorian' ny olona tamin' izay fotoana izay. Notokanana ny tany araka izay efa nandidian' ny Tompo azy, ary natokana ny toerana ho an' ny tempoly any aoriana. Nataon' ny Tompo ireto didy ireto mba hampiharina manokana amin' ireo Olomasin' i Ziona.

1-4, Hotahina ireo Olomasina mahatoky ao Ziona; 5-8, Tokony ho tia sy hanompo ny Tompo izy ireo ary hitandrina ny didiny; 9-19, Tahina ara-nofo sy ara-panahy ny Olomasina amin' ny alalan' ny fitandremana ny andron' ny Tompo ho masina; 20-24, Ampanantenaina fiadanana eo amin' izao tontolo izao ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy ny marina.

INDRO, hoy ny Tompo, sambatra ireo izay efa niakatra teo amin' ity tany ity, amin' ny "maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitro, araka ny didiko.

2 Fa ireo izay velona dia "hاندova ny tany, ary ireo izay ^bmaty dia hitsahatra amin' ny asany rehetra, ary ny asany hanaraka azy; ary horaisiny ny ^dsatro-boninahitra ao amin' ny ^efitoeran' ny Raiko, izay efa nomaniko ho azy.

3 Eny, sambatra ireo izay mijoro eo amin' ny tanin' i Ziona ny tongony, izay efa nankatò ny filazantsarako, fa horaisiny ho valisoany ny zava-tsoan' ny tany, ary hahavokatra amin' ny ^atanjany rehetra izany.

4 Ary hosatrohina koa ny satro-boninahy-pitahiana avy any ambony izy ireo, eny, ary koa didy izay tsy vitsy, ary ireo ^afanambarana amin' ny fotoany—dia ireo izay ^bmahatoky sy ^dmazoto eo anoloako.

5 Koa omeko azy ireo ny didy izay manao hoe: Ho "tia ny Tompo Andriamanitrao amin' ny ^bfonao rehetra, amin' ny herinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny tanjakao rehetra ianao; ary ^ahanompo Azy amin' ny anaran' i Jesoa Kristy.

6 Ho tia ny ^anamanao tahaka ny tenanao ianao. Tsy ^bhangalatra ianao; na ^dhanitsakitsa-bady,

59 1a Mat. 6:22-24;
F&F 88:67.

2a Mat. 5:5;
F&F 63:20, 48-49.

b Fan. 14:13.
TSM Fahafatesan' ny
Vatana; Paradisa.
d TSM Satroboninahitra;
Fisandratana.

e Jao. 14:2;

F&F 72:4; 76:111; 81:6;
98:18.

3a Gen. 4:12;
Mos. 5:37.

4a F&F 42:61; 76:7;
98:12; 121:26-29.
TSM Fanambarana.

b TSM Mendrika.
d TSM Fahazotoana.

5a Deot. 11:1;

Mat. 22:37;
Môrô. 10:32;
F&F 20:19.

TSM Fitiavana.

b TSM Fo.
d TSM Fanompoana.

6a TSM Fihavanana.

b TSM Mangalatra.

d TSM Fanitsakitsaham-
bady.

na ^ehamono olona, na hanao zavatra toy izany.

7 ^aHisaotra ny Tompo Andriamanitrao ianao amin' ny zavatra rehetra.

8 Hanatitra ^afanatitra ^bamimpahamarinana ho an' ny Tompo Andriamanitrao ianao, dia ny fo torotoro sy ny ^afanahy manenina.

9 Ary mba hahazoanao miaro tanteraka kokoa ny tenanao ^atsy ho voapentimpetin' izao tontolo izao, dia handeha ho any amin' ny trano fivavahana ianao ary hanatitra ny fanati-pisaoranao amin' ny ^bandroko masina;

10 Satria marina tokoa fa izany no andro voatendry ho anao hitsaharanao amin' ny asanao ary ^ahanatanterahanao ny famompoana ny Avo Indrindra;

11 Kanefa dia haterina amimpahamarinana amin' ny andro rehetra sy amin' ny fotoana rehetra ny voadinao;

12 Nefa tsarovy fa amin' io andron' ny Tompo io, dia hanatitra ny ^afanatitrao sy ny fanati-pisaoranao ho an' ny Avo Indrindra ianao, ary ^bhibaboka ny fahotanao amin' ny rahalahinao sy eo anoloan' ny Tompo.

13 Ary amin' io andro io, dia tsy hanao zavatra hafa ianao afa-tsy ny hanomana ny haninao amin' ny fahatsoram-po, mba

hahatonga ny ^afifadianao ho fanaperana, na amin' ny teny hafa, mba ho feno ny ^bfifalianao.

14 Marina tokoa, izany no fifadiana sy vavaka, na amin' ny teny hafa, firavoravoana sy vavaka.

15 Ary raha ataonareo amin' ny ^afankasitrahana, amin' ny ^bfo sy ny tarehy ^dfalifaly ireo zavatra ireo, tsy amin' ny ^etokelaka be, fa fahotana izany, saingy amin' ny fo falifaly sy ny tarehy miramirana —

16 Lazaiko marina tokoa, fa raha ataonareo izany, dia anareo ny fahafenoan' ny tany, ny biby eny an-tsaha ary ny voron' ny habakabaka, ary izay mianika eny amin' ny hazo sy mandeha amin' ny tany;

17 Eny, ary ny raokandro sy ny zavatra tsara izay avy amin' ny tany, na ho hanina, na ho fitafiana, na ho trano, na ho sompitra, na ho saha, na ho tanin' anana, na ho tanimboaloboka;

18 Eny, ny zavatra rehetra izay avy amin' ny ^atany, amin' ny fotoany avy, dia natao ho tombontsoa sy hampiasain' ny olona, sady hahafinaritra ny maso no hamalifaly ny fo;

19 Eny, ho hanina sy ho fitafiana, ho fankafizana sy ho fanamboloana, hampahery ny vatana sy hamelombelona ny fanahy.

6e TSM Famonoan' Olona.

7a Sal. 92:1; Almà 37:37; F&F 46:32.

TSM Misaotra.

8a TSM Sorona.

b TSM Fahamarinana.

d TSM Fo Torotoro.

9a Jakoba 1:27.

b TSM Andro Sabata.

10a TSM Fitsaohana.

12a IE fanomezana, na ny fotoana, na ny talenta na ny fananana, ho anompoana an' Andriamanitra sy ny namana. TSM Sorona.

b TSM Miaiky.

13a TSM Fifadian-kanina.

b TSM Fifaliana.

15a TSM Misaotra.

b Ohab. 17:22.

d Eks. 25:2;

F&F 64:34.

e F&F 88:69.

18a TSM Tany.

20 Ary ankasitrahan' Andriamanitra ny efa nanomezany ireo zava-drehetra ireo ho an' ny olona; fa ho an' izany tanjona izany no nanaovana azy ireo, mba hampiasaina amin' ny fandanjalanjana, fa tsy mihoa-pampana sady tsy an-keriny.

21 Ary tsy misy na inona na inona ataon' ny olona ka "manafitohina an' Andriamanitra na mandrehitra ny fisafoahany afa-tsy ireo izay ^btsy miaiky ny tñany amin' ny zava-drehetra ary tsy mankatò ny didiny.

22 Indro, izany dia araka ny lalàna sy ny mpaminany; koa aza manelingelina Ahy intsony momba izany raharaha izany.

23 Nefa ianaro fa izay manao ny asan' ny "fahamarinana dia handray ny ^bvalisoany, dia ^dfiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary ^efiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy.

24 Izaho Tompo no efa niteny izany, ary ny Fanahy dia vavolombelona manambara. Amena.

FIZARANA 60

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany, tao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri, ny 8 Aogositra 1831 (History of the Church, 1:201–202). Tamin' izay fotoana izay, ireo loholona izay efa voatendry ny hiverina any atsinanana dia naniry ny hahafantatra ny tokony hataony mbamin' ny lalana sy ny fomba tokony handehanany.

1–9, Tokony hitory ny filazantsara amin' ny fiangonan' ny olondratsy ireo loholona; 10–14, Tsy tokony holanilaniany foana ny fotoany na haleviny ny talentany; 15–17, Azony sasana ny tongony ho vavolombelona miampanga ireo izay mitsipaka ny filazantsara.

INDRO, izao no lazain' ny Tompo amin' ireo loholon' ny fiangonany izay tokony hiverina faingana tokoa any amin' izay niaviany: Indro ankasi-trahako ny efa niakaranareo etoana;

2 Saingy tsy mankasitraka ny sasany Aho, satria tsy tiany ny hanokatra ny "vavany, fa ^bafeniny ny talenta izay efa nomeko azy noho ny ^dtahotra ny olona. Lozan' ny toy izany fa mirehitra aminy ny fahatezerako.

3 Ary izao no hitranga fa raha tsy mahatoky kokoa Amiko izy, dia "halaina aminy na dia izay ananany aza.

4 Fa Izaho Tompo dia manapaka eny amin' ny lanitra ambony sy eny anivon' ny "miaramilan' ny tany; ary amin' ny andro izay hanangonako ny ^bvatosoa-

21a TSM Manafintohina.
b Joba 1:21.

23a TSM Fahamarinana.
b TSM Fitahiana.
d Mat. 11:28–30.
TSM Fiadanana.

e F&F 14:7.

60 2a Ef. 6:19–20.

b Lio. 8:16, 18.

d Mat. 25:14–30.

TSM Tahotra—
Tahotra ny olona.

3a Mar. 4:25; F&F 1:33.

4a Almà 43:50.

b Isa. 62:3; Zak. 9:16;

Mal. 3:17; F&F 101:3.

ko, dia ho fantatry ny olona rehetra izay mampiharihary ny herin' Andriamanitra.

5 Fa hiteny aminareo marina tokoa momba ny dianareo mankany amin' ny tany izay niavianareo Aho. Aoka ianareo hanao na hivididy sambo, araka izay heverinareo fa mety, tsy ahoako izany, dia mandehana faingana mankamin' ny toerana izay atao hoe St Louis.

6 Ary avy eo dia aoka ny mpanompoko isany, i Sidney Rigdon, i Joseph Smith zanany ary i Oliver Cowdery handeha ho any Cincinnati;

7 Ary amin' izany toerana izany, dia aoka izy ireo hanandratra ny feony ary hanambara ny teniko amin' ny feo mafy, tsy misy fisafoahana na fisalasalana, sady hanainga ny tanany masina eo amboniny. Fa haiko ny hahatonga anareo ho "masina, ary ^bvoavela ny fahotanareo.

8 Ary aoka ny ambiny handeha tsiroaroa avy ao St Louis history ny teny tsy ankamehana amin' ireo fiangonan' ny olondratsy, ambara-piverin' izy ireo any amin' ny fiangonana izay niaviany.

9 Ary izany rehetra izany dia mba ho tombontsoan'ny fiangonana; satria noho izany antony izany no efa nandefasako azy ireo.

10 Ary aoka i "Edward Partridge mpanompoko hizara ny

ampahany amin' ny vola izay efa nomeko azy amin' ireo loholona izay didina hiverina;

11 Ary izay afaka manao izany, dia aoka hamerina izany amin' ny alalan' ny mpandraharaha; ary izay tsy afaka dia tsy takiana aminy izany.

12 Ary ankehitriny Aho dia miteny amin' ny ambiny izay ho avy eo amin' ity toerana ity.

13 Indro, efa nirahina izy ireny history ny filazantsarako any anivon' ny fiangonan' ny olondratsy; koa omeko azy ireny izao didy izao: Tsy "holanilanianafoana ny fotoana, sady tsy halevinao ny ^btalentanano mba tsy hahazoana mahafantatra izany.

14 Ary rehefa tafakatra eo antanin' i Ziona ianao ary efa namambara ny teniko, dia hiverina faingana ianao ka hanambara ny teniko any anivon' ny fiangonan' ny olondratsy, tsy ankamehana, sady tsy "amimpisafoahana no tsy amin' ny fifandirana.

15 Ary ahintsano ny "vovoka amin' ny tongotrao hiampana ireo izay tsy mandray anao, tsy eo imasony fandrao hihantsy azy ianao, fa any amin' ny mifina; ary sasao ny tongotrao ho vavolombelona hiampana azy amin' ny andro fitsarana.

16 Indro, ampy ho anareo izany, ary izany no sitrapon' ilay efa naniraka anareo.

7a TSM Fahamasinana.
b TSM Mamela.
10a TSM Partridge,
Edward.
13a F&F 42:42.

TSM Midonana-poana.
b Mat. 25:24-30;
F&F 82:18.
14a Ohab. 14:29.
15a Mat. 10:14; Lio. 9:5;

Asa 13:51;
F&F 24:15; 75:20;
84:92.

17 Ary amin' ny vavan' i Joseph Smith zanany mpanompoko no hampahafantarina ny

momba an' i Sidney Rigdon sy i Oliver Cowdery. Ny ambiny, any aoriana. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 61

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany teo amoron' ny Renirano Missouri, teo McIlwaine' s Bend, ny 12 Aogositra 1831 (History of the Church, 1:202–205). Rehefa niverina tamin' ny diany ny Mpaminany sy ireo loholona folo mba hankany Kirtland, dia nitaingin-dakana izy ireo nidina ny Renirano Missouri. Nandalo tamin' loza maro izy ireo tamin' ny andro fahatelon' ny diany. Nahita ny mpandringana nitety tamin-kery ny teny ambonin' ny rano tamin' ny fahitana tamin' ny andro antoandro i William W. Phelps loholona.

1–12, Efa nandidy famongorana maro teny ambonin' ny rano ny Tompo; 13–22, Nozonin' i Jaona ny rano ary mitety ny eo amboniny ny mpandringana; 23–29, Manana fahafana handidy ny rano ny sasany; 30–35, Tokony handeha tsiroaroa ny loholona ary hitory ny filazantsara; 36–39, Tokony hiomana ho amin' ny fiavian' ny Zanak' Olona izy ireo.

INDRO, ary mihainoa ny feon' Ilay manana ny “hery rehetra; Ilay hatrizay ka haharitra mandrakizay, dia ^bAlfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiasarana.

2 Indro, izao no lazain' ny Tompo aminareo marina tokoa, ô ianareo ry loholon' ny fiangonako, izay mivory eto amin' ity toerana ity, izay voavela ny fahotanareo ankehitriny, fa Iza-ho Tompo dia “mamela ny fahotana ary ^bfenô famindram-po amin' ireo izay “miaiky ny fahotany amin' ny fietren' ny fo;

3 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ilaina ny hisosan' ity andiany manontolo amin' ny loholoko ity faingana eny ambonin' ny rano, raha ny mponiny amin' ny andaniny roa kosa ho faty ao amin' ny tsy finoana.

4 Kanefa dia namela izany Aho mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona; indro, misy loza maro eny ambonin' ny rano ary indrindra indrindra rahatrizay;

5 Fa Izaho Tompo dia efa nandidy loza maro eny ambonin' ny rano tao amin' ny fahatezerako; eny, ary indrindra fa eo amin' ireto rano ireto.

6 Na dia izany aza, dia eo antanako ny nofo rehetra, ary izay mahatoky aminareo dia tsy ho faty an-drano.

7 Koa ilaina ny hanefan' i Sidney Gilbert sy i “William W. Phelps mpanompoko hain-gana ny raharahany sy ny asa fitoriany.

61 ^{1a} TSM Hery.
^b TSM Alfa sy Omega.
2a Môsia 4:10–11.

TSM Mamela.
^b TSM Famindram-po.
^d TSM Miaiky.

7a TSM Phelps,
William W.

8 Kanefa dia tsy tiako ny hisarahanareo raha tsy efa “nofaiziko noho ny fahotananareo rehetra ianareo, mba hahatonga anareo ho iray, mba tsy hahafaty anareo amin’ ny ^bfaharatsiana;

9 Nefa ankehitriny, lazaiko aminareo marina tokoa, ilaina Amiko ny hisarahanareo. Koa aoka ny mpanompoko Sidney Gilbert sy i William W. Phelps haka indray ireo namany teo aloha, ary aoka izy ireo handeha faingana mba hahazoany manefa ny asa fitoriany, ary amin’ ny finoana no handreseny;

10 Ary raha mahatoky izy ireo dia hotsimbinina, ary Izaho Tompo dia homba azy ireo.

11 Ary aoka ny ambiny haka izay ilaina amin’ ny fitafiana.

12 Aoka i Sidney Gilbert mpanompoko hitondra izay tsy ilaina miaraka aminy, araka izay hifanarahananareo.

13 Ary ankehitriny indro, ho “tombontsoanareo no nanomezako anareo ^bdidy momba ireo zavatra ireo; ary Izaho Tompo dia hifandahatra aminareo tahaka ny tamin’ ireo olona tamin’ ny andro fahiny.

14 Indro, Izaho Tompo, tany am-piandohana, dia nitahy ny “rano; nefa tamin’ ny andro farany dia tamin’ ny vavan’ i Jaona no ^bnanozonako ny rano.

15 Koa ho avy ny andro izay tsy hahatafandry mandry ny nofo eny ambonin’ ny rano.

16 Ary holazaina amin’ ny andro ho avy fa tsy misy afaka

miakatra ao amin’ ny tanin’ i Ziona eny ambonin’ ny rano, afa-tsy izay mahitsy fo.

17 Ary tahaka ny efa “nanozonako, Izaho Tompo, ny tany tany am-piandohana, dia tahaka izany koa no efa nitahiako azy tamin’ ny andro farany, amin’ ny fotoany, mba hampiasain’ ny olomasiko, ka hahazoany maka ny menany.

18 Ary ankehitriny omeko anareo ny didy ka izay lazaiko amin’ ny anankiray dia lazaiko amin’ ny rehetra, mba hampitandremanareo ny rahalahinareo momba ireto rano ireto, mba tsy hanaovany ny diany eny amboniny, fandrao ho lefty ny finoany ary ho tratra ao amin’ ny fandrika izy;

19 Izaho Tompo no efa nanapaka, ary mitety ny eo amboniny ny mpandringana, ary tsy manafaona ilay fanapahana Aho.

20 Izaho Tompo dia tezitra taminareo omaly, saingy efa afaka ny fahatezerako anio.

21 Koa aoka ireo izay efa noteneniko ny momba azy ireo handeha faingana—dia lazai-ko aminareo indray, aoka izy ireo handeha faingana.

22 Ary tsy ahoako rehefa afaka fotoana fohy, na handeha amin’ ny rano na amin’ ny tany maina izy ireo, raha efainy ny asa fitoriany; aoka izany ho to araka ny ampahafantarana azy ireo izany rahatrizay, araka ny fandanjalanjany.

23 Ary ankehitriny, momba

8a TSM Famaizana.
b TSM Faharatsiana.
13a F&F 21:6.

b TSM Didin’
Andriamanitra.
14a Gen. 1:20.

b Fan. 8:8–11.
17a Mos. 4:23.

ny mpanompoko isany Sidney Rigdon, Joseph Smith zanany ary i Oliver Cowdery, dia aoka izy ireo tsy hanao intsony ny diany eny ambony rano, afa-tsy eo amin' ny lakan-drano, rehefa mandeha mody; na amin' ny teny hafa, tsy handeha amin' ny rano izy ireo, afa-tsy eo amin' ny lakan-drano.

24 Indro, Izaho Tompo dia efa nanendry lalana iray handehanan' ny olomasiko; ary indro, izao no lalana—dia ny handehanan' izy ireo mandia tany maina rehefa avy mandao ny lakan-drano, satria didina izy ireo handeha ary hiakatra any an-tanin' i Ziona;

25 Ary hanao tahaka ny zanak' i Isiraely izy ireo, ka “hanangana ny lainy eny an-dalana.

26 Ary indro, izany didy izany no homenareo ho an' ny rahalahinareo rehetra.

27 Kanefa ho an' izay omena “hery handidy ny rano, dia omen' ny Fanahy azy ny hahafantatra ny lalany rehetra;

28 Koa aoka izy hanao araka izay andidian' ny Fanahin' ilay Andriamanitra velona azy, na eny ambonin' ny tany na eny ambonin' ny rano, araka izay iriako hatao rahatrizay.

29 Ary omena anareo ny dian' ny olomasina, na ny lalan-kaleha ho an' ny olomasin' ny tobin' ny Tompo.

30 Ary ankoatra izany dia lazai-ko aminareo marina tokoa, ny

mpanompoko Sidney Rigdon, Joseph Smith zanany ary Oliver Cowdery dia tsy hanoka-bava amin' ireo fiangonan' ny olondratsy, ambara-pahatongan' izy ireo ao Cincinnati;

31 Ary eo amin' io toerana io, dia hanandratra ny feony amin' Andriamanitra izy ireo hanohitra ity vahoaka ity, eny, amin' Ilay mirehitra noho ny faharatsian' izy ireo ny fahatezerany, dia vahoaka izay efa saika “masaka ho amin' ny famongorana.

32 Ary avy eo amin' io toerana io, dia aoka izy ireo handeha ho any amin' ny fiangonan' ireo rahalahiny, fa ny asany ankehitriny dia ilaina bebe kokoa any anivon' izy ireo noho ny any anivon' ireo fiangonan' ny olondratsy.

33 Ary ankehitriny momba ny ambiny, aoka izy ireo handeha sy “hanambara ny teny any anivon' ireo fiangonan' ny olondratsy, arakaraka izay hanomezana izany;

34 Ary arakaraka ny anaovany izany no “andiovany ny fitafiany, ary ho tsisy pentina eo anoloako izy ireo.

35 Ary aoka izy ireo handeha miaraka, na “tsiroaroa, araka izay heveriny fa tsara, saingy aoka i Reynolds Cahoon mpanompoko sy i Samuel H. Smith mpanompoko, izay tena ankasitrahako, tsy hosarahina mandra-piveriny any an-tokantra-

25a Nom. 9:18.

27a TSM Fisoronana; Hery.

31a Almà 37:31;

Hel. 13:14;

F&F 101:11.

33a TSM Mitory; Mijoro
ho Vavolombelona.

34a 2 Ne. 9:44;

Jakôba 2:2;

Môsià 2:28.

35a TSM Asa Fitoriana.

nony, ary izany dia noho ny tanjona hendry ato Amiko.

36 Ary ankehitriny, dia lazaiko marina tokoa, ary izay lazaiko amin' ny anankiray dia lazaiko amin' ny rehetra, mahereza "rankizy madinika; fa eo ^bafovoanareo Aho ary tsy ^dnahafoy anareo;

37 Ary satria efa nanetry ny tenanareo teo anoloako ianareo, dia anareo ny fitahian' ny "fanjakana.

38 Sikino ny valahanareo ka "miambena sy mahonona tena, ary miandrandra ny fiavian' ny Zanak' olona, fa avy amin' ny ora tsy ampoizinareo Izy.

39 "Mivavaha mandrakariva mba tsy hidiranareo amin' ny ^bfakam-panahy, mba hahatantenanareo ny andron' ny fiaviany, na eo amin' ny fiainana, na ao amin' ny fahafatesana. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 62

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany teo amoron' ny renirano Missouri, teo Chariton, Missouri, ny 13 Aogositra 1831 (History of the Church, 1:205–206). Tamin' io andro io dia nifanena tamina loholona maro izay teny an-dalana ho any i Ziona ny Mpaminany sy ny mpiara-dia taminy izay nandeha avy any Independence ho any Kirtland ka nahazo ity fanambarana ity taorian' ny fifampiarahabana feno fifaliana.

1–3, Voarakitra any an-danitra ny *tenivavolombelona*; 4–9, Ny loholona dia tokony handeha sy history araka ny fandanjalanjana ary araka ny fitarihan' ny Fanahy.

INDRO, ary mihainoa, ô iana-reo Ry loholon' ny fiangonako, hoy ny Tompo Andriamanitra-reo, dia i Jesoa Kristy, "mpisolovavanareo izay mahalala ny fahalemen' ny olona ary ny fomba ^bhamonjena ireo izay ^dalaim-panahy.

2 Ary marina tokoa fa ny ma-

soko dia eo amin' ireo izay tsy mbola niakatra any an-tanin' i Ziona; koa tsy mbola tontosa ny asa fitorianareo.

3 Na dia eo aza izany, dia sambatra ianareo fa ny "tenivavolombelona izay efa nambaranareo dia ^bvoasoratra any an-danitra mba hojeren' ireo anjely; ary mifaly aminareo ireo, ary voavela ny ^dfahotanareo.

4 Ary ankehitriny, tohizo ny dianareo. Miangona ianareo ao an-tanin' i "Ziona; dia manaova fivoriana ary miaraha mifaly

36a Jao. 13:33.

^b Mat. 18:20.

^d Isa. 41:15–17;

1 Ne. 21:14–15.

37a F&F 50:35.

38a TSM Mpiambina.

39a TSM Vavaka.

^b TSM Fakam-panahy.

62 1a F&F 45:3–4.

TSM Mpisolovava.

^b Heb. 2:18; Almà 7:12.

^d TSM Fakam-panahy.

3a Lio. 12:8–9.

TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

^b TSM Bokin' ny

Fiainana.

^d F&F 84:61.

4a F&F 57:1–2.

ka manolora fanati-pisaorana ho an' ny Avo Indrindra.

5 Ary amin' izay dia mahazo miverina ianareo mba ho va-volombelona manambara, eny, na miaraka daholo, na tsiroaroa, araka izay heverinareo ho tsara, tsy ahoako; aoka ho mahatoky fotsiny ihany, dia "ambarao vaovao mahafaly ny mponin' ny tany na ny any anivon' ireo fiangonan' ny olon-dratsy.

6 Indro, Izaho Tompo no efa nahatafaray anareo mba hahatanteraka ny fampanantenana, fa ny mahatoky eo anivonareo dia hotsimbinina ary hiarpaly ao an-tanin' i Missouri.

Izaho Tompo no nampanante-na ny mahatoky ary tsy mahay "mandainga.

7 Raha misy aminareo maniry ny hitaingin-tsoavaly na ramole na sarety, Izaho Tompo dia vonona hanome azy izany fitahiana izany, raha raisiny avy amin' ny tanan' ny Tompo izany, amin' ny fo "feno fisaorana noho ny zava-drehetra.

8 Adidinareo ny manao ireo zavatra ireo araka ny fandanjalanjana sy ny fitarihan' ny Fanahy.

9 Indro, anareo ny "fanjakana. Ary indro, ary jereo, Izaho momba ny mahatoky mandrakariva. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 63

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, tamin' ny faran' ny volana Aogositra 1831 (History of the Church, 1:206-211). Tafaverina tao Kirtland ny Mpaminany, i Sidney Rigdon ary i Oliver Cowdery ny 27 Aogositra, taorian' ny famangiany tany Missouri. Raha nanolotra ny sasin-tenin' ny firaketan' ity fanambarana ity ny Mpaminany dia nanoratra fa, "Amin' izao androm-pahazazan' ny Fiangonana izao dia nisy ny fahamaimaizana lehibe ny hahazo ny tenin' ny Tompo momba ny lohahevitra tsirairay, izay amin' ny lafiny rehetra dia mikasika ny famonjena antsika; ary satria ny tanin' i Ziona no raharahan' ny tany lehibe indrindra banjinina ankehitriny dia nangataka fanampim-pahalalana tamin' ny Tompo aho ny amin' ny fanangonana ny Olomasina sy ny fividianana ny tany ary ireo raharaha hafa" (History of the Church, 1:207).

1-6, Ho avy amin' ny olon-dratsy ny andron' ny fisafohana; 7-12, Tonga amin' ny alalan' ny finoana ireo famantarana; 13-19, Izay manitsakitsa-bady ao am-po dia handà

ny finoana ary hatsipy any amin' ny farihy afo; 20, Handray lova amin' ny tany niova endrika ny mahatoky; 21, Tsy mbola nomena ny fitantarana feno ny zava-nitranga

teo amin' ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy; 22-23, Mandray ny misterin' ny fanjakan' ny mpankatò; 24-31, Tokony hovidiana ny lova ao Ziona; 32-35, Manapaka ny hisian' ny ady ny Tompo, ka mamono ny olon-dratsy ny olon-dratsy; 36-48, Hiangona ao Ziona ny Olomasina ary hanome ny vola hanorenana azy; 49-54, Azo antoka ho an' ny mahatoky ny fitahiana amin' ny Fiaviana Fanindroany, amin' ny Fitsangana amin' ny maty ary mandritra ny Arivotaona; 55-58, Izao no andro fampitandremana; 59-66, Manonona foana ny anaran' ny Tompo ireo izay mampiasa izany tsy ombam-pahefana.

MIHAINOA, ô ianareo Ry Molona, ary sokafy ny fona-reo dia mampandria sofina avy lavitra; ary mandrenesa ianareo izay manao ny tenanareo ho vahoakan' ny Tompo, ka henoy ny tenin' ny Tompo sy ny sitrapony momba anareo.

2 Eny, lazaiko marina tokoa, henoy ny tenin' Ilay mirehitra amin' ny olon-dratsy sy "mpikomy ny fahatezerany;

3 Izay te haka ireo izay tiany "halaina ary mitsimbina ny ain' ireo izay tiany hotsimbinina;

4 Izay manorina araka ny tiany sy ny sitrapony ihany; ary mandrava rehefa sitrany, ary afaka mandroaka ny fanahy hidina any amin' ny helo.

5 Indro, Izaho Tompo no ma-moaka ny feoko, ary izany dia hankatoavina.

6 Koa lazaiko marina tokoa, aoka hitandrina ny olon-dratsy, ary aoka ny mpikomy hatahotra sy hangovitra; ary aoka ny tsy mpino hanakombona ny molo-ny, fa ho tonga aminy toy ny "tadio ny 'andron' ny fisafaoahana, ary ho "fantatry ny nofo rehetra fa Izaho no Andriamanitra.

7 Ary izay mitady famantarana dia hahita "famantarana, nefa tsy ho amin' ny famonjena.

8 Lazaiko aminareo marina tokoa, misy ireo eo anivonareo izay mitady famantarana, ary efa nisy ny toy izany hatrany am-piandohana;

9 Nefa indro, tsy avy amin' ny famantarana ny finoana, fa ny famantarana no manaraka ireo izay mino.

10 Eny, ny famantarana dia tonga amin' ny alalan' ny "finoana, fa tsy amin' ny alalan' ny sitrapon' olombelona na araka izay tiany, fa amin' ny alalan' ny sitrapon' Andriamanitra.

11 Eny, avy amin' ny alalan' ny finoana ny famantarana mba hahatontosana asa mahery, fa raha tsy misy ny "finoana, dia tsy misy olona ankasitrahana' Andriamanitra; ary amin' izay mahatezitra an' Andriamanitra dia tsy mankasitraka Izy; koa amin' ny toy izany, dia tsy maneho famantarana Izy raha tsy

63 2a TSM Fikomiana.
3a TSM Fahafatesan' ny Vatana.
6a Jer. 30:23.
b TSM Fahamarinana;

Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.
d Isa. 49:26.
7a F&F 46:9.
TSM Famantarana.

10a Môrô. 7:37.
TSM Finoana.
11a Heb. 11:6.

ao amin' ny ^bfisafoahana, ho ^dfanamelohana azy.

12 Koa, Izaho Tompo dia tsy mankasitraka ireo any anivonareo izay nitady famantarana sy zava-mahatalanjona mba hanam-pinoana, nefa tsy ho tombontsoan' olombelona mba ho voninahitro.

13 Na dia izany aza, dia manome didy Aho, ary maro no efa nivily niala tamin' ny didiko ary tsy nitandrina azy.

14 Nisy teo anivonareo ny ^alehilahy sy ny vehivavy nani-tsakitsa-bady; ny sasany taminy dia efa nandao anareo, ary ireo hafa izay mijanona miaraka aminareo dia hampahafantarina any aoriana.

15 Aoka ny toy izany hitandrina ary hibe-baka faingana tokoa, fandrao ho tonga aminy toy ny fandrika ny fitsarana, ary haseho ny fahadalany, ary hanaraka azy eo imason' ny olona ny asany.

16 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, toy ny efa voalazako teo aloha, fa ny lehilahy izay ^amijery vehivavy ka ^bmitsiriritra azy, na raha misy ^amanitsakitsa-bady ao am-pony, dia tsy hanana ny Fanahy izy fa handa ny finoana ary hatahotra.

17 Koa, Izaho Tompo dia efa

niteny, fa ny ^asaro-tahotra sy ny tsy mino sy ny ^bmpandainga rehetra, ary na zovy na zovy no tia sy ^amanao lainga, ary ny mpi-jangajanga sy ny mpanompo sampy dia hanana ny anjarany ao amin' ilay ^efarihy mirehitra afo sy solifara, izay ^ffahafatesana faharoa.

18 Lazaiko marina tokoa fa tsy hanana anjara amin' ny ^afitsanganana voalohany amin' ny maty ireo.

19 Ary ankehitriny indro, Iza-ho Tompo dia milaza aminareo fa tsy ^aamarinina ianareo, noho ireo zavatra ireo eo anivonareo.

20 Na dia izany aza, izay ^amaritra amin' ny finoana ary manao ny sitrapoko, dia izy no haharesy ary handray ^blova eto an-tany rehefa avy ny andro fiovan' endrika;

21 Rehefa ^ahiova endrika ny ^btany, araka ny toromarika izay naseho ny apostolika teo an-^dtendrombohitra; izay tsy mbola voarainareo ny fitantarana feno momba azy.

22 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo marina tokoa, satria nolazaiko fa hampahafantariko anareo ny sitrapoko, dia indro hampahafantariko anareo izany, tsy amin' ny alalan' ny fomba fandidiana, satria misy maro

11b F&F 35:11.

d F&F 88:65.

14a F&F 42:24–25.

16a Mat. 5:27–28;

F&F 42:23–26.

b TSM Mitsiriritra.

d TSM Fanitsakitsaham-bady.

17a Fan. 21:8.

b TSM Lainga.

d Fan. 22:15;

F&F 76:103.

e Fan. 19:20;

2 Ne. 9:8–19, 26;

28:23; Jakôba 6:10;

Almà 12:16–18;

F&F 76:36.

TSM Helo.

f TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

18a Fan. 20:6.

19a TSM Manamarina.

20a F&F 101:35.

b Mat. 5:5; F&F 59:2;

88:25–26.

21a TSM Izao Tontolo

Izao—Faran' ny tany.

b TSM Tany—Toetra

faran' ny tany.

d Mat. 17:1–3.

izay tsy miezaka ny hitandrina ny didiko.

23 Fa izay mitandrina ny didiko no homeko ny “mystery momba ny fanjakako ary izany dia ho loharanon’ ny ^brano velona ao anatiny, “miboiboika hatrany amin’ ny fiainana maharitra mandrakizay.

24 Ary ankehitriny indro, izao no sitrapon’ ny Tompo Andriamanitrareo momba ny olomasiny, fa tokony hiara-mivory ao an-tanin’ i Ziona izy ireo, tsy amim-pirotoroana fandrao hisy fifanjevoana izay mitondra areti-mandringana.

25 Indro, ny tanin’ i “Ziona — Izaho Tompo dia mihazona izany eo an-tanako;

26 Kanefa Izaho Tompo dia mamerina amin’ i “Kaisara ny zavatra izay an’ i Kaisara.

27 Koa, tiako Izaho Tompo ny hividiananareo ireo tany, mba hahazoanareo tombony amin’ izao tontolo izao, mba hanananareo zo amin’ izao tontolo izao, mba tsy hahazoana mam-bosy azy ho tezitra.

28 Fa apetrak’ i “Satana ao ampony ny ho tezitra aminareo ary ny handatsa-dra.

29 Koa ny tanin’ i Ziona dia tsy ho azo raha tsy amin’ ny fividianana na amin’ ny ra, fa raha tsy izany dia tsy misy lova ho anareo.

30 Ary raha amin’ ny fividianana, dia indro, tahina ianareo;

31 Ary raha amin’ ny ra, satriararana ny handatsahanareo ra, dia indro, mby eo aminareo ny fahavalonareo, ary hokaravasiana isan-tanàna sy isaky ny sinagoga ianareo, ary vitsivitsy no hijoro mba handray ny lova.

32 Izaho Tompo dia tezitra amin’ ny olon-dratsy; ary hazoniko tsy ho an’ ny mponin’ ny tany, ny Fanahiko.

33 Efa nianiana tao amin’ ny fisafoahako Aho ka nanapaka fa hisy “ady eto ambonin’ ny tany ary handringana ny olon-dratsy ny olon-dratsy, ary ho tonga amin’ ny olona tsirairay ny tahotra;

34 Ary zara raha ho afa-miala ny “olomasina; kanefa momba azy Izaho Tompo, ary ^bhidina mbamin’ ny lanitra Aho avy eo anatrehan’ ny Raiko ka handevona ny “olon-dratsy amin’ ny “afo tsy mety maty.

35 Ary indro tsy mbola eo izany, fa ho avy tsy ho ela.

36 Koa noho Izaho Tompo, efa nanapaka ny hisian’ ireo zavatra rehetra ireo eto ambonin’ ny tany dia tiako ny hiangonan’ ny olomasiko any an-tanin’ i Ziona;

37 Ary hakan’ ny olona tsirairay “fahamarinana ho eo an-tanany sy fahatokiana ho eo ambalahany ary hanandratany ^bfeo

23a Almà 12:9–11;
F&F 42:61; 84:19;
107:18–19.
b TSM Rano Velona.
d Jao. 4:14.
25a TSM Ziona.
26a Lio. 20:25;
F&F 58:21–23.

TSM Fitondram-
panjakana.
28a TSM Devoly.
33a TSM Ady.
34a TSM Olomasina.
b TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.
d Mat. 3:12;

2 Ne. 26:6;
F&F 45:57; 64:24;
101:23–25, 66.
TSM Faharatsiana.
e TSM Afo.
37a TSM Fahamarinana.
b F&F 1:4.

fampitandremana amin' ny mponin' ny tany; sady hanambaràny amin' ny teny no amin' ny fandosirana fa hihatra amin' ny olon-dratsy ny ^dfandravana.

38 Koa aoka ireo mpianatro izay monina eo amin' io toerana fambolena sy fiompiana ao Kirtland io handamina ny raharaham-piainany.

39 Aoka i Titus Billings mpanompoko, izay mikarakara izany, hivarotra ny tany, mba ho vonona izy amin' ny lohataona ho avy ny handeha hiakatra any an-tanin' i Ziona miaraka amin' ireo izay monina eo amin' ny tany afa-tsy ireo izay hatokako ho an' ny Tenako ka tsy handeha raha tsy Izaho no mandidy azy ireo.

40 Ary aoka ny vola rehetra izay azo angonina, tsy ahoako na kely izany na be, halefa any an-tanin' i Ziona, any amin' ireo izay efa notendreko handray izany.

41 Indro, Izaho Tompo no hanome an' i Joseph Smith zanany mpanompoko, hery hahazany "manavaka, amin' ny alalan' ny Fanahy, ireo izay handeha hiakatra any an-tanin' i Ziona sy ireo izay hijanona amin' ny mpianatro.

42 Aoka i Newel K. Whitney mpanompoko mbola hitana ny tranombarotra, na amin' ny teny hafa, ilay tranombarotra, mandritra ny fotoana fohy.

43 Na dia izany aza, dia aoka izy hanome ny vola rehetra izay azony omena, mba halefa any an-tanin' i Ziona izany.

44 Indro eo an-tanany ireo zavatra ireo, ka aoka izy hanao amim-pahendrena.

45 Lazaiko marina tokoa, aoka izy hatokana ho mpandrahaha ho an' ireo mpianatra izay hijanona, ary aoka izy hatokana ho amin' io hery io;

46 Ary ankehitriny dia vangio faingana miaraka amin' i Oliver Cowdery mpanompoko ireo fiangonana, ka hazavao amin' izy ireo izany zavatra izany. Indro, izao no sitrapoko, dia ny hahazoana vola araka izay efa natoroko.

47 Izay "mahatoky sy maharitra no handresy izao tontolo izao.

48 Izay mandefa raki-tsoa any an-tanin' i Ziona dia handray "lova eo amin' izao tontolo izao, ary ny asany hanaraka azy, ary koa valisoa any amin' ny tontolo ho avy.

49 Eny, ary sambatra ny maty, dia izay "maty ao amin' ny Tompo hatramin' izao, rehefa ho avy ny Tompo ka ho ^blasa ny zavatra taloha ary tonga vaovao ny zava-drehetra, dia "hitsangana amin' ny maty ireo ary tsy ho "faty rehefa avy eo, fa handray lova ao amin' ny tanàna masina, eo anoloan' ny Tompo.

50 Ary izay velona rehefa ho avy ny Tompo, ary efa nitana

37*d* Isa. 47:11.

41*a* TSM Mamantatra, Fanomezam-pahasoavana Hoenti-
47*a* Môsia 2:41; F&F 6:13.

48*a* F&F 101:18.

49*a* Fan. 14:13;
F&F 42:44–47.

b 2 Kor. 5:17.

d TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

e Fan. 21:4;

Almà 11:45;

F&F 88:116.

TSM Tsy Fahafatesana.

ny finoana, dia “sambatra izy; na dia izany aza, dia anjarany ny ho ^bfaty amin’ ny taonan’ olombelona.

51 Koa “hitombo ny ankizy mandra-pahatonga azy ho antitra; ho faty ny lahiantitra; saingy tsy hatory amin’ ny vovoka izy fa ^bhovana ao amin’ ny indray mipi-maso.

52 Koa, noho izany antony izany dia notorian’ ireo apostoly tamin’ izao tontolo izao ny fitsanganana amin’ ny maty.

53 Ireo zavatra ireo no zavatra izay tsy maintsy andrandrainareo; ary araka ny fomba fitenin’ ny Tompo, dia efa “antomotra sahady izy ireo ankehitriny ary amin’ ny fotoana ho avy, dia amin’ ny andro fiavian’ ny Zanak’ Olona.

54 Ary mandra-pahatongan’ io ora io, dia hisy “virijiny adala eo anivon’ ny hendry; ary amin’ io ora io, dia hitranga ny fisarahana tanteraka eo amin’ olo-marina sy ny olon-dratsy; ary amin’ io andro io, dia hirahiko ny anjeliko ^bhamongotra ny olon-dratsy ary hanipy azy ireny ny amin’ ny afo tsy mety maty.

55 Ary ankehitriny indro, lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho Tompo dia tsy mankasitraka an’ i “Sidney Rigdon mpanompoko; ^bnanandra-tena tao am-pony izy ary tsy nan-

dray ny torohevitra fa nampalahelo ny Fanahy;

56 Koa tsy azo ekena ho an’ ny Tompo ny “asa sorany, ary hanao anankiray hafa izy; ary raha tsy mandray izany ny Tompo, dia tsy hanefa intsony ny anjara fanompoana izay efa nanendreko azy izy.

57 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, “ireo izay maniry amim-panentren-tena ao am-pony ^bhampitandrina ny mpanota mba hibe-baka, dia aoka ireo hatokana ho amin’ izany hery izany.

58 Fa izao dia andro fampitandremana fa tsy andron’ ny teny maro. Fa Izaho Tompo dia tsy hovazivaziana amin’ ny andro farany.

59 Indro, Izaho dia avy any ambony, ary ny heriko dia etỳ ambany. Izaho dia ambonin’ ny rehetra sy ao amin’ ny rehetra ary manerana ny rehetra ary “mandinika ny zava-drehetra ary avy ny andro izay hampanoavana Ahy ny zava-drehetra.

60 Indro Izaho no “Alfa sy Omega, dia i Jesoa Kristy.

61 Koa aoka ny olon-drehetra hitandrina amin’ ny fomba hanononany ny “anarako eo amin’ ny molony—

62 Fa indro lazaiko marina tokoa, fa misy maro izay eo ambanin’ io fanamelohana io, izay

50a TSM Fitahiana.
b TSM Fahafatesan’ ny Vatana.

51a TSM Arivotaona.
Isa. 65:20–22;
F&F 45:58; 101:29–31.
b 2 Tan. 15:51–52;
F&F 43:32.

53a F&F 35:15.
54a Mat. 25:1–13;
F&F 45:56–59.
b Môsia 16:2.
55a TSM Rigdon, Sidney.
b TSM Fiavonavonana.
56a F&F 58:50.
57a F&F 4:3–6.

b F&F 18:14–15.
TSM Asa Fitoriana;
Fampitandremana.
59a 2 Tan. 2:10.
60a TSM Alfa sy Omega.
61a TSM Faniratsirana.

mampiasa ny anaran' ny Tompo ary mampiasa izany foana, nefa tsy manana fahefana.

63 Koa aoka ny fiangonana hibe-baka amin' ny fahotany, ary Izaho Tompo dia hanana azy fa raha tsy izany dia hoesorina izy hiala.

64 Tadidio fa izay avy any ambony dia "masina ary tsy maintsy ^btenenina amim-pi-^bheverana sy amin' ny faneren' ny Fanahy; ary amin' izany dia tsy misy fanamelohana, ary mandray ny Fanahy ^aamin' ny alalan' ny vavaka ianareo; koa raha tsy misy

izany, dia mitoetra ny fanamelohana.

65 Aoka ny mpanompoko Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon hitady fonenana ho azy ireo araka izay ampianarin' ny Fanahy azy ireo amin' ny alalan' ny "vavaka.

66 Ireo zavatra ireo dia mitoetra mba horesena amin' ny alalan' ny faharetana, mba hahazoana mandray ny "havesatry ny ^bvoninahitra mihoa-pampana sy mandrakizay, fa raha tsy izany dia lehibe kokoa ny fanamelohana. Amena.

FIZARANA 64

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' ireo loholon' ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 11 Septambra 1831 (History of the Church, 1:211–214). Teo am-piomanana ny hifindra monina any Hiram, Ohio, ny Mpaminany mba hanohy ny asany amin' ny fandikana ny Baiboly izay efa navela fony izy tany Missouri. Ny antokon' ireo rahalahy izay efa nodidina handeha ho any i Ziona (Missouri) dia niolomay fatratra nanao ireo fiomanana mba hiain-gana amin' ny volana Ôktôbra. Tamin' io fotoana niheninkenena io no nandraisana ny fanambarana.

1–11, Didina mba hifamela ireo Olomasina fandrao hitoetra aminy ny fahotana lehibe kokoa; 12–22, Tokony hoentina eo anoloan' ny Fiangonana ny tsy mibe-baka; 23–25, Izay mandoa ny fahafolon-karena dia tsy hodorana amin' ny fiavian' ny Tompo; 26–32, Ampitandremana amin' ny trosa ny Olomasina; 33–36, Hoesorina hiala ao i Ziona ny mpikomy; 37–40, Hitsara ireo firenena ny Fiangonana; 41–43, Hiroborobo i Ziona.

INDRO, izao no lazain' ny Tompo Andriamanitrareo aminareo, ô Ry loholon' ny Fiangonako, mihainoa ianareo ary mandrenesa ka raiso ny sitrapoko momba anareo.

2 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, tiako ny "handresenareo izao tontolo izao; koa hanana ^bfangorahana anareo Aho.

3 Misy ireo eo anivonareo izay efa nanota; nefa lazaiko marina tokoa fa tamin' ity indray maka

64a TSM Masina.
b TSM Fanajana.
d F&F 42:14.

65a TSM Vavaka.
66a 2 Kor. 4:17.
b Roma. 8:18;

F&F 58:4; 136:31.
64 2a 1 Jn. 5:4.
b TSM Fangorahana.

ity, mba ho “voninahitro sy ho famonjena fanahy, dia efa ^bnave-lako ny fahotana.

4 Ho feno famindram-po aminareo Aho, satria efa nomeko anareo ny fanjakana.

5 Ary ny “fanalahidin’ ny mis-terin’ ny fanjakana dia tsy hoe-sorina amin’ i Joseph Smith zanany mpanompoko, amin’ ny alalan’ ireo fitaovana izay efa no-tendreko, raha mbola velona izy ka mankatò ny ^bôrdônansiko.

6 Misy ireo izay efa nitady hirika hiampangana azy tsy amin’ ny antony;

7 Na dia izany aza dia efa na-nota izy; nefa lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho Tompo dia “mamela ny fahotan’ ireo izay ^bmiaiky ny fahotany eo anoloa-ko sy mangataka famelana, afa tsy ireo izay nanota ho amin’ ny ^afahafatesana.

8 Ireo mpianatro tamin’ ny andro fahiny dia nitady “hirika hifampiangana ka tsy nifa-mela tao am-pony; ary noho izany faharatsiana izany, dia nijaly izy ireo ary ^bnofaizina mafy tokoa.

9 Koa lazaiko aminareo, fa to-kony “hifamela ianareo; fa izay ^btsy mamela ny fahadisoan’ ny rahalahiny dia meloka eo ano-loan’ ny Tompo; fa mitoetra ao aminy ny fahotana lehibe kokoa.

10 Izaho Tompo dia “hamela

izay tiako havela heloka, fa ta-kiana aminareo kosa ny ^bhamela ny olon-drehetra.

11 Ary ianareo dia tokony hi-teny ao am-ponareo hoe—aoka Andriamanitra “hitsara ahy sy ianao ary hamaly anao araka ny ^bataonao.

12 Ary izay tsy mibebaka amin’ ny fahotany sady tsy miaiky izany, dia hoentinareo eo anoloan’ ny “fiangonana ary hataonareo aminy izay lazain’ ny soratra masina aminareo, na amin’ ny alalan’ ny didy izany na amin’ ny alalan’ ny fanam-barana.

13 Ary izany no hataonareo, dia ny mba hahazoana manome voninahitra an’ Andriamani-tra—tsy noho ny tsy amelana-reo, satria tsy manana fangora-hana, fa ny mba hahazoana manamarina anareo eo imason’ ny lalàna, mba tsy hanafinto-hinanareo an’ Ilay mpanome lalàna anareo—

14 Lazaiko marina tokoa fa noho izany antony izany dia hataonareo ireo zavatra ireo.

15 Indro, Izaho Tompo dia te-zitra tamin’ ilay mpanompoko, dia i Ezra Booth ary koa tamin’ i Isaac Morley mpanompoko, satria tsy nitandrana ny lalàna na ny didy izy ireo;

16 Nokatsahiny tao am-pony ny ratsy, ary Izaho Tompo dia

3a Mos. 1:39.

^b Isa. 43:25.

5a F&F 28:7; 84:19.

TSM Fanalahidin’ ny Fisoronana.

^b TSM Ôrdônansy.

7a TSM Mamela;

Famelana ny Fahotana.

^b Nom. 5:6–7;

F&F 19:20; 58:43.

TSM Miaiky.

^d F&F 76:31–37.

8a TSM Fifandirana.

^b TSM Famaizana.

9a Mar. 11:25–26;

F&F 82:1.

^b Mat. 6:14–15; Ef. 4:32.

10a Eks. 33:19;

Almà 39:6;

F&F 56:14.

^b Môsià 26:29–31.

11a 1 Sam. 24:12.

^b 2 Tim. 4:14.

12a F&F 42:80–93.

nihazona ny Fanahiko. “Nohelohiny ho ratsy ny zavatra izay tsy nisy faharatsiana; na dia izany aza dia efa namela an’ i Isaac Morley mpanompoko Aho.

17 Ary i “Edward Partridge mpanompoko koa dia indro efa nanota, ary mikatsaka ny handrava ny fanahiny i ^bSatana; nefa rehefa ampahafantarina azy ireo ireto zavatra ireto ka mibebaka amin’ ny ratsy izy ireo dia ho voavela.

18 Ary ankehitriny dia lazaiko marina tokoa fa ilaina Amiko ny hiverenan’ i Sidney Gilbert amin’ ny raharahany sy amin’ ny fitantanan-draharahany ao an-tanin’ i Ziona, rehefa afaka herinandro vitsivitsy;

19 Ka izay efa hitany sy reny dia ho azo ampahafantarina ireo mpianatro, mba tsy hahafaty azy ireo. Ary noho izany antony izany no efa nitenenako ireto zavatra ireto.

20 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, mba tsy hahazoana “maka fanahy an’ i Isaac Morley mpanompoko mihoatra noho izay azony zakaina, ka hanoroany vohony handratrana anareo, dia nomeko ny didy fa tokony hamidy ny toeram-pamboleny sy fiompiany.

21 Tsy tiako ny hivarotan’ i

Frederick G. Williams mpanompoko ny toeram-pamboleny sy fiompiany, satria Izaho Tompo dia te hitana toeram-pamaharana mafy ao Kirtland, mandritra ny dimy taona izay tsy hamongorako ny olon-dratsy, ka amin’ izany dia ho azoko vonjena ny sasantsasany.

22 Ary aorian’ izany andro izany, dia tsy hoheveriko Izaho Tompo ho “meloka izay handeha amin’ ny fo manoa hiakatra ao an-tanin’ i Ziona; fa Izaho Tompo dia mitaky ny ^bfon’ ny zanak’ olombelona.

23 Indro, izao fotoana izao no atao hoe “anio mandra-^bpiavin’ ny Zanak’ olona, ary marina tokoa fa andron’ ny ^dfahafaizan-tena izany, ary andro fandoavana ny fahafolonkarena ny oloko; fa izay “mandoa fahafolonkarena dia tsy ^fhodorana amin’ ny fiaviany.

24 Fa aorian’ ny anio dia avy ny “fandoroana—izany dia araka ny fomba fitenin’ ny Tompo—fa lazaiko marina tokoa, rahampitso ny ^bmpiavonavona rehetra sy izay manao ratsy dia ho toy ny vodivary; ary hodorako ireo fa Izaho no Tompon’ ny Maro; ary tsy hitsitsy izay mitoetra ao “Babylona Aho.

25 Koa raha mino Ahy ianareo

16a 2 Ne. 15:20;
F&F 121:16.

17a TSM Partridge,
Edward.

^b TSM Devoly.

20a TSM Fakam-panahy.

22a TSM Heloka.

^b Eks. 35:5;

F&F 59:15; 64:34.

23a F&F 45:6; 64:24–25.

^b TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

^d TSM Sorona.

^e Mal. 3:10–11.

TSM Fahafolonkarena.

^f Mal. 4:1;

3 Ne. 25:1;

JS—T 1:37.

24a Isa. 66:15–16.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany;
Izao Tontolo
Izao—Faran’ ny tany.

^b Mal. 3:15;

2 Ne. 12:12; 23:11.

TSM Fiavonavonana.

^d F&F 1:16.

TSM Babela,

Babylona.

dia hilofo raha mbola atao hoe anio izany.

26 Ary tsy mety ny hamarotan' ny mpanompoko isany "Newel K. Whitney sy Sidney Gilbert ny ^btranombarony sy ny fananany etoana, fa tsy fahendrena izany ambara-piakatry ny ambiny amin' ny fiangonana, izay mijanona eo amin' ity toerana ity, ho any an-tanin' i Ziona.

27 Indro, voalaza ao amin' ny lalàko, na voarara, ny mandraikitra "trosa amin' ny fahavalonareo;

28 Nefa indro, tsy voalaza, na amin' ny fotoana inona, na amin' ny fotoana inona fa ny Tompo dia tsy tokony haka rehefa sitrany ary handoa rehefa heveriny fa tsara.

29 Koa satria mpandraharaha ianareo, dia iraky ny Tompo ianareo; ary izay rehetra ataonareo araka ny sitrapon' ny Tompo dia raharahan' ny Tompo.

30 Ary efa notendreny ianareo mba hamatsy ny olomasiny amin' izao andro izao ka hahazoany "lova ao an-tanin' i Ziona.

31 Ary indro, Izaho Tompo dia manambara aminareo, ary azo antoka sy tsy "hivaona ny ^bteniko, fa ho azony izany.

32 Saingy tsy maintsy mitranga amin' ny fotoany avy ny zava-drehetra.

33 Koa aza "ketraka amin' ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan' ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin' ny ^bzavatra madinika no hivoahan' izay lehibe.

34 Indro, "mitaky ny ^bfo sy ny saina marisika ny Tompo; ary ny marisika sy ny "mpankatò no hihinana ny soa amin' ny tanin' i Ziona amin' izao andro farany izao.

35 Ary "hoesorina amin' ny tanin' i Ziona ny ^bmpikomy ka horoahina hiala ary tsy handova ny tany.

36 Fa lazaiko marina tokoa, fa tsy mba isan' ny ran' i "Efraima ny mpikomy, koa hongotana ireny hiala.

37 Indro, Izaho Tompo dia efa nanao ny fiangonako amin' izao andro farany izao ho toy ny mpitsara mipetraka eo amin' ny havoana na amin' ny toerana avo mba hitsara ireo firenena.

38 Fa ny zavatra hitranga, dia ny mponina ao Ziona no "hitsara ny zavatra rehetra mikasika an' i Ziona.

39 Ary hozahana toetra amin' ny alalany ny mpandainga sy ny mpihatsaravelatsihy, ary ireo izay tsy "apostoly na mpaminany dia ho fantatra.

40 Ary na dia ny "eveka aza, izay ^bmpitsara, mbamin' ireo

26a TSM Whitney,
Newel K.
b F&F 57:8.
27a TSM Trosa.
30a F&F 63:48.
31a F&F 76:3.
b Mar. 13:31;
2 Ne. 31:15;
F&F 1:37-38.

33a Gal. 6:9.
b F&F 123:16.
34a Mika 6:8.
b Deot. 32:46; Jos. 22:5;
Môrm. 9:27.
TSM Fo.
d Isa. 1:19.
TSM Mankatò.
35a F&F 41:5; 50:8-9; 56:3.

TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
b TSM Fikomiana.
36a Deot. 33:16-17.
38a Isa. 2:3-4; F&F 133:21.
39a Fan. 2:2.
TSM Apostoly.
40a TSM Eveka.
b F&F 58:17; 107:72-74.

mpanolotsainy, raha tsy mahatoky amin' ny ^afitantanan-draharahany dia hohelohina, ka hapetraka eo amin' ny toerany ny ^ehafa.

41 Fa indro, lazaiko aminareo fa hiroborobo i ^aZiona ary ho eo aminy ny ^bvoninahitry ny Tompo;

42 Ary ho ^afaneva ho an' ny

vahoaka izy, ary ho tonga ao aminy ny firenena rehetra ambanin' ny lanitra.

43 Ary ho avy ny andro izay ^ahangovitan' ny firenena eto an-tany noho ny aminy, ary hitbiteby ireo noho ny mponiny mahatahotra. Ny Tompo no efa niteny izany. Amena.

FIZARANA 65

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany, tao Hiram, Ohio, ny volana Ôktôbra 1831 (History of the Church, 1:218). Niantso ity fanambarana ity ho vavaka ny Mpaminany.

1–2, Nankinina tamin' olona teto an-tany ny fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra ary handresy ny tombontsoan' ny filazantsara; 3–6, Ho avy ny fanjakan' ny lanitry ny arivotaona ary hikambana amin' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

HENROY, ary indro, ny feo toy ny an' izay nirahina avy any ambony, izay matanjaka sy mahery, izay hatrany amparan' ny tany ny alehany, eny, izay miantefa amin' ny olona ny feony —“Omaninareo ny lalan' ny Tompo, ataovy mahitsy ny lalan-kalehany.

2 Ankinina amin' ny olona eto an-tany ny ^afanalahidin' ny ^bfanjakan' Andriamanitra, ary

hatreo dia hikodiadia hatrany am-paran' ny tany ny filazantsara, toy ny ^avato izay nendahina hiala tamin' ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia ambara-^epamenoany ny tany manontolo.

3 Eny, dia feo izay miantso hoe—Omaninareo ny lalan' ny Tompo, omaninareo ny ^afanasan' ny Zanakondry, mivonôna ho an' ny ^bMpampakatra.

4 Mivavaha amin' ny Tompo, antsoy ny anarany masina, ampahafantaro any anivon' ny olona ireo asany mahatalanjona.

5 Antsoy ny Tompo mba handrosoan' ny fanjakany eto an-tany, mba hahazoan' ny mponina eo aminy mandray izany ary ho vonona ho amin' ny andro ho

40d TSM Fitantanan-draharaha.

e F&F 107:99–100.

41a TSM Ziona.

b F&F 45:67; 84:4–5; 97:15–20.

TSM Voninahitra.

42a TSM Faneva.

43a Isa. 60:14;

F&F 97:19–20.

65 1a Isa. 40:3; Mat. 3:3;

Jao. 1:23.

2a Mat. 16:19; F&F 42:69.

TSM Fanalahidin' ny

Fisoronana.

b F&F 90:1–5.

d Dan. 2:34–45.

e Sal. 72:19.

TSM Daniela—Ny bokin' i Daniela;

Andro Farany.

3a Mat. 22:1–14;

Fan. 19:9; F&F 58:11.

b TSM Mpampakatra.

avy izay “hidinan’ ny Zanak’ Olona mbamin’ ny lanitra, ^bmitafy ny famirapiratan’ ny “voninahiny ka hitsena ny “fanjakana Andriamanitra, izay voaorina eto an-tany.

6 Koa enga anie ka handroso ny “fanjakan’ Andriamanitra,

mba hahatongavan’ ny ^bfanjakan’ ny lanitra, ka Ianao Andriamanitra ô dia homem-boninahitra any an-danitra tahaka ny etỳ an-tany, mba ho resy ny fahavalonao; fa ^danao ny haja, ny hery ary ny voninahitra, mandrakizay mandrakizay. Amena.

FIZARANA 66

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Orange, Ohio, ny 25 Ôktôbra 1831 (History of the Church, 1:219–221). Izany no andro voalohan’ ny fihaonambe iray manan-danja. Raha nanolotra ny sasin-tenin’ ity fanambarana ity ny Mpaminany dia nanoratra hoe: “Noho ny fangatahan’ i Willlliam E. McLellin, dia nanontany ny Tompo aho ary nandray izao manaraka izao” (History of the Church, 1:220).

1–4, Ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay no fahafenoan’ ny filazantsara; 5–8, Tokony hitory, hijoro ho vavolombelona ary hifandahatra amin’ ny olona ireo lohona; 9–13, Ahazoana antoka ny fandovana ny fiainana mandrakizay ny asa fanompoana mahatoky.

INDRO, izao no lazain’ ny Tompo amin’ i William E. McLellin mpanompoko—Sambatra ianao satria efa nivily niala tamin’ ny fahotanao ary efa nandray ny fahamarinako, hoy ny Tompo Mpanavotra anao, ny Mpamonjy izao tontolo izao, dia izay rehetra “mino ny anarako.

2 Lazaiko aminao marina tokoa, sambatra ianao fa nandray ny “fanekempihavanako maha-

ritra mandrakizay, dia ny fahafenoan’ ny filazantsarako nalefa ho an’ ny zanak’ olombelona mba hananany ^bfiainana ary hahatonga azy ho mpandray anjara amin’ ireo voninahitra izay haseho amin’ ny andro farany, toy izay nosoratan’ ireo mpaminany sy apostoly tamin’ ny andro fahiny.

3 Lazaiko aminao marina tokoa ry William mpanompoko fa madio ianao, saingy tsy madio tanteraka; koa mibebaha amin’ ireo zavatra izay tsy ankasitrahana eo imasoko ireo, hoy ny Tompo, fa “hasehon’ ny Tompo anao ireo.

4 Ary ankehitriny dia haseho-ko Izaho Tompo marina tokoa aminao izay sitrako momba

5a Mat. 24:30.

b Sal. 93:1.

d TSM Voninahitra.

e Dan. 2:44.

6a TSM Fanjakan’

Andriamanitra na

Fanjakan’ ny Lanitra.

b Fan. 11:15.

d 1 Tan. 29:11;

Mat. 6:13.

66 1a Jao. 1:12.

TSM Finoana.

2a TSM Fanekepimaha-

vanana Vaovao

sy Maharitra

Mandrakizay.

b Jao. 10:10;

3 Ne. 5:13.

3a Jakôba 4:7;

Etera 12:27.

anao na izay sitrapoko momba anao.

5 Indro, lazaiko aminao marina tokoa, fa izao no sitrapoko dia ny “hanambaranao ny filazantsarako isam-paritra sy isantanàna, eny, amin’ ireo faritra manodidina ireo izay tsy nanambaràna izany.

6 Aza mitoetra andro maro eo amin’ ity toerana ity; aza mbola mandeha miakatra any antanin’ i Ziona; fa izay azonao alefa dia alefaso; raha tsy izany dia aza mihevitra ny amin’ ny fanananao.

7 “Mandehana any amin’ ireo tany atsinanana, mijoroa ho ^bvavolombelona amin’ ny toerana rehetra, amin’ ny olona rehetra ary any amin’ ny sinagogany, sady mifandahara amin’ ny olona.

8 Aoka i Samuel H. Smith mpanompoko handeha hiaraka aminao, dia aza mahafofy azy ary omeo azy ny toromarikao; ary izay mahatoky no “hatanjahina amin’ ny toerana rehetra; ary Izaho Tompo dia handeha hiaraka aminareo.

9 Ametraho ny “tananao ny marary dia ho ^bsitrana ireny. Aza miverina raha tsy Izaho Tompo no handefa anao. Mahareta amin’ ny fahoriana. “Mangataha dia hahazo ianao; dondony dia hovohana ianao.

10 Aza mitady izay hahasahiranana. Afoizo ny tsy fahamarihana rehetra. Aza “manitsakitsa-bady—izay fakam-panahy nanahirana anao.

11 “Tano ireto teny ireto, fa marina sy mahatoky ireo; ary hanandriana ny anjara fanompoanao ianao sady hanosika olona maro ho any i ^bZiona miaraka amin’ ny “hiran’ ny fifaliana maharitra mandrakizay eo amin’ ny lohany.

12 “Mitozoa amin’ ireo zavatra ireo hatramin’ ny farany, dia ho azonao ny ^bsatroboninahitry ny fiainana mandrakizay eo antanana ankavanana’ ny Raiko izay feno fahasoavana sy fahamarinana.

13 Dia izany marina tokoa no lazain’ ny Tompo “Andriamanitrao, ny Mpanavotra anao, dia i Jesoa Kristy. Amena.

FIZARANA 67

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Novambra 1831 (History of the Church, 1:224–225). Izany dia tamin’ ny fotoan’ ny fihaonambe manokana izay nandinihina sy nanapahana ny famoahana ho boky ireo fanambarana efa

5a Mar. 16:15.

7a F&F 75:6.

^b TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

8a F&F 52:17; 133:58.

9a TSM Fitsofan-drano

ny Marary;

Fametrahan-tanana.

b Mat. 9:18.

TSM Manasitrana.

d Jakoba 1:5.

10a TSM Fanitsakitsaham-

bady.

11a F&F 35:24.

^b F&F 11:6.

d Isa. 35:10; F&F 45:71.

TSM Mihira.

12a 2 Tim. 3:14–15;

2 Ne. 31:20.

^b Isa. 62:3; Mat. 25:21;

1 Pet. 5:4.

13a TSM Andriamanitra—

Andriamanitra

Zanaka.

noraisina tamin' ny Tompo tamin' ny alalan' ny Mpaminany (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 1). Notapahina fa i Oliver Cowdery sy i John Whitmer no hitondra ny sora-tanana momba ireo fanambarana any Independence izay toerana hamoahan' i W. W. Phelps azy ho boky mitondra ny lohateny hoe: Book of Commandments (ny Bokin' ireo Didy). Maro tamin' ireo rahalahy no nijoro ho vavolombelona marina tokoa, fa ireo fanambarana voangona mba havoaka tamin' izay fotoana izay dia marina dia marina tokoa, araka izay nambaran' ny Fanahy Masina nilatsaka tamin' izy ireo. Nanoratra ny Mpaminany fa taorian' ny nandraisana ny fanambarana fantatra amin' ny hoe fizarana 1, dia nandeha ny resaka nanakiana ny fomba fiteny nampiasaina tamin' ireo fanambarana. Nanaraka izao fanambarana izao.

1-3, *Mandre ny vavaka sy miam-bina an' ireo loholony ny Tompo; 4-9, Manao fanamby amin' ny olona hendry indrindra Izy mba haka tahaka ny kely indrindra amin' ireo fanambarany; 10-14, Hovelomin' ny Fanahy ireo lohona mahatoky ary hahita ny tavan' Andriamanitra.*

INDRO, ary mihainoa, ô iana-
ireo ry "loholon' ny fiangona-
ko, izay efa niara-tafavory, izay
efa reko ny fivavany ary izay
fantatro ny fony, ary izay efa
niakatra eo anoloako ny fani-
riany.

2 Indro, ary jereo, mby eo ami-
nareo ny "masoko, ary ny lani-
tra sy ny tany dia eo an-tanako,
ary ny haren' ny mandrakizay
dia Ahy ka omena.

3 Niezahanareo ny hino fa
tokony horaisinareo ny fitahia-
na izay natolotra anareo; nefa
indro, lazaiko aminareo mari-
na tokoa, nisy "tahotra tao
am-ponareo ary izany marina

tokoa no antony tsy nandraisa-
nareo.

4 Ary ankehitriny, Izaho Tom-
po dia manome anareo ny "te-
nivavolombelon' ny fahamari-
nan' ireto didy izay mipetraka
eo anoloanareo ireto.

5 Efa nibanjina an' i Joseph
Smith zanany mpanompoko ny
masonareo, ary ny "fiteniny dia
efa fantatrareo ary ny tsy faha-
lavorariany dia efa fantatrareo;
ary efa nikatsaka fahalalana
tao am-ponareo ianareo mba
hahazoanareo maneho mihoa-
tra noho ny fiteniny; izany dia
fantatrareo koa.

6 Ankehitriny, mitadiava ao
amin' ny Bokin' ireo Didy iana-
reo, dia ny kely indrindra amin'
ireo, ary tendreo izay "olona hen-
dry indrindra eo anivonareo;

7 Koa raha misy eo anivonareo
izay mahavita anankiray tahaka
izany, dia hamarinina ianareo
amin' ny filazana fa tsy fanta-
trareo fa marina ireo;

8 Fa raha tsy mahavita ananki-

67 1a TSM Loholona.
2a Sal. 34:15.
3a TSM Tahotra.

4a TSM Fijoroana ho
Vavolombelona;
Fahamarinana.

5a F&F 1:24.
6a 2 Ne. 9:28-29, 42.

ray tahaka izany kosa ianareo dia eo ambany fanamelohana, raha tsy “mijoro ho vavolombelona ianareo fa marina ireo.

9 Satria fantatrareo fa tsy misy tsy fahamarinana ao amin’ ireo, ary izay “marina dia midina avy any ambony, avy amin’ ny Rain’ ny ^bhazavana.

10 Ary ankoatra izany, dia la-zaiko aminareo marina tokoa fa tombontsoanareo izany, ary fampanantenana iray no ome-ko anareo izay efa natokana ho amin’ ity asa fanompoana ity, fa arakaraka ny anesoranareo ny “fialonana sy ny ^btahotra hiala amin’ ny tenanareo ary “anetre-nareo tena eo anoloako, fa tsy ampy firy ny fanetren-tenanareo, no handrovitana ny “voaly ka ^fhahitanareo Ahy ary hahafantaranareo fa Izy Aho—tsy amin’ ny saina ara-nofo na voajanahary, fa ara-panahy.

11 Fa tsy “nisy nahita an’ Andriamanitra na oviana na oviana teo amin’ ny nofo afa-tsy izay novelomin’ ny Fanahin’ Andriamanitra.

12 Tsy afaka mitoetra eo anatrehan’ Andriamanitra na ny “olona araka ny nofo, na ny saina araka ny nofo.

13 Tsy hainareo zakaina ankehitriny ny fanatrehana an’ Andriamanitra, na ny fanompoan’ ny anjely; koa mitozoa ao amin’ ny “faharetana mandra-pahatonga anareo ho ^btanteraka.

14 Aoka tsy hiherikerika ny sainareo; ary rehefa “mendrika ianareo, amin’ ny fotoana mahamety izany Amiko, dia ho hitanareo ary ho fantatrareo izay efa natolotra anareo tamin’ ny alalan’ ny tanan’ i Joseph Smith zanany mpanompoko. Amena.

FIZARANA 68

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Novambra 1831, noho ny fangatahan’ i Orson Hyde, i Luke S. Johnson, i Lyman E. Johnson ary i William E. McLellin (History of the Church, 1:227–229). Na dia nomena aza ity fanambarana ity ho valin’ ny fitalahoana ny mba hampahafantarana ny sitrapon’ ny Tompo momba ireo loholona voalaza anarana ireo, dia mikasika ny Fiangonana manontolo ny ankabeazan’ ny zavatra lazainy.

1–5, Manjary soratra masina ny tenin’ ireo loholona rehefa entanin’ ny Fanahy Masina izy; 6–12, Toko-

ny hitory sy hanao batisa ireo loholona ary hanaraka ireo tena mpino ny famantarana; 13–24, Ny

8a TSM Vavolombelona.
9a Môrô. 7:15–18.
b Jakoba 1:17;
F&F 50:24; 84:45; 88:49.
10a TSM Saro-piaro.
b TSM Tahotra.
d TSM Fanetren-tena.

e TSM Voaly.
f F&F 88:68; 93:1; 97:16.
11a DJS, Eks. 33:20, 23;
Jao. 1:18; 6:46;
DJS, 1 Jn. 4:12;
F&F 84:19–22;
Mos. 1:11, 14.

12a Môsià 3:19.
TSM Olona araka
ny Nofo.
13a Roma. 2:7.
TSM Faharetana.
b Mat. 5:48; 3 Ne. 12:48.
14a TSM Mendrika.

lahimatoa amin' ireo zanakalahin' i Aharôna dia afaka manompo toy ny Eveka Mpiahy (izany hoe, mitana ny fanalahidin' ny fiadidiana amin' ny maha-eveka azy) eo ambany fitarihan' ny Fiadidiana Voalohany; 25-28, Didina ny ray aman-dreny hampianatra ny zanany ny filazantsara; 29-35, Ny Olomasina dia tokony hitandrina ny Sabata, hazoto miasa ary hivavaka.

NANTSOINA tamin' ny alalan' ny fanokanana azy i Orson Hyde mpanompoko mba hanambara ny filazantsara maharitra mandrakizay amin' ny alalan' ny "Fanahin' ilay Andriamanitra velona, amin' ny vahoaka tsirairay sy isam-paritra, any amin' ireo fiangonan' ny olondratsy, any amin' ny sinagoga, ny, hifandahatra aminy ary hamelabelatra aminy ny soratra masina rehetra.

2 Ary indro, jereo, izany no fianarana ho an' ireo rehetra izay efa natokana ho amin' ity fisoronana ity, ka ny asa fitoriana voatendry ho azy ireo dia ny handeha—

3 Ary izao no famantarana ho azy ireo, fa izy ireo dia "hiteny araka izay anentanan' ny Fanahy Masina.

4 Ary na inona na inona hote-nenin' izy ireo noho ny fanentan-
tan' ny "Fanahy Masina dia

ho soratra masina, ho sitrapon' ny Tompo, ho sain' ny Tompo, ho tenin' ny Tompo, ho feon' ny Tompo, dia ny ^bherin' Andriamanitra ho famonjena.

5 Indro, izany no fampanante-nan' ny Tompo ho anareo, ô ianareo ry mpanompoko isany.

6 Koa mahareza, ary aza "matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo; ary ianareo dia ho vavolombelona hanambara Ahy, Jesoa Kristy, fa Izaho no Zanak' ilay Andriamanitra velona, fa Izaho ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy.

7 Izao no tenin' ny Tompo aminao ry "Orson Hyde mpanompoko, ary koa amin' i Luke Johnson mpanompoko, sy amin' i Lyman Johnson mpanompoko ary amin' i William E. McLellin mpanompoko sy amin' ny lohona mahatoky rehetra ao amin' ny fiangonako—

8 "Mandehana ianareo eran' izao tontolo izao, ^bmitory ny filazantsara amin' ny ^dolona tsirairay, miasa amin' ny ^efahefana izay efa nomeko anareo sy ^fmanao batisa amin' ny anaran' ny Ray, sy ny an' ny Zanaka ary ny an' ny Fanahy Masina.

9 Ary "izay mino sy atao batisa no ^bhovonjena, ary izay tsy mino no ^dhohelohina.

10 Ary izay mino dia hotahina

68 1a TSM Fanahy Masina.

3a 2 Pet. 1:21;
F&F 18:32; 42:16;
100:5.

4a TSM Fanahy Masina;
Fanambarana.
b Roma. 1:16.

6a Isa. 41:10.

7a TSM Hyde, Orson.
8a F&F 1:2; 63:37.

b TSM Asa Fitoriana;
Mitory.
d Mar. 16:15.
e TSM Fahefana.

f TSM Batisa.

9a Mar. 16:16;
F&F 20:25.

b TSM Famonjena.
d TSM Fahamelohana.

ka harahin' ireo "famantarana, araka izay efa voasoratra.

11 Ary ianareo no homena mba hahafantatra ireo "famantarana ny fotoana sy ireo famantarana ny amin' ny fiavian' ny Zanak' olona;

12 Ary amin' izay rehetra hijoroan' ny Ray ho vavolombelona no hanomezana anareo hery "hifehy azy ireo ho amin' ny fiainana mandrakizay. Amen.

13 Ary ankehitriny momba ireo lafin-javatra fanampin' ireo fanekepiahavanana sy didy, dia indreto izany —

14 Hisy any aoriana, amin' ny fotoana mahamety izany amin' ny Tompo, ireo "eveka hatokana ho an' ny fiangonana mba hanompo tahaka ny voalohany;

15 Koa ho "mpisorona avo mendrika izy ireo, ary izy ireo dia hotendren' ny ^bFiadidiana Voalohan' ny Fisoronana Melkizedeka afa-tsy ireo izay taranak' i ^aAharôna ara-bakiteny.

16 Ary raha taranak' i "Aharôna ara-bakiteny izy ireo dia manana zo ara-dalàna amin' ny episkôpà, raha lahimatoa amin' ny zanakalahin' i Aharôna;

17 Fa ny lahimatoa dia mihazona ny zo amin' ny fiadidian' io fisoronana io sy ny "fanalahidy na ny fahefana amin' izany.

18 Tsy misy olona manana zo ara-dalàna ho amin' izany anja-

ra fanompoana izany ka hitana ireo fanalahidin' izany fisoronana izany, raha tsy taranak' i Aharôna "ara-bakiteny izy sady lahimatoa.

19 Nefa, noho ny "mpisorona avo ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka manana fahefana hiadidy ireo anjara fanompoana ambany rehetra, dia azony iadidiana ny anjara fanompoan' ny ^beveka, rehefa tsy misy taranak' i Aharôna hita, raha toa ka antsoina sy atokana ary tendrena ho amin' izany hery izany izy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanan' ny Fiadidiana Voalohan' ny Fisoronana Melkizedeka.

20 Ary ny taranak' i Aharôna ara-bakiteny dia tsy maintsy tondroin' io Fiadidiana io koa, sy hita fa mendrika ary "hosorana sy ^aatokana eo ambany fahefan' ny tanan' io Fiadidiana io, fa raha tsy izany dia tsy omempahefana ara-dalàna izy hiadidy ao amin' ny fisoronany.

21 Nefa, noho ny fanapahana momba ny zony amin' ny fisoronana, izay midina avy amin' ny ray mankamin' ny zanaka, dia azony takiana ny fanosorana azy, raha vao afaka manaporofa ny rohim-pihavanany na manamarina izany amin' ny fanambarana avy amin' ny Tompo izy, eo ambany fahefan' ny tanan' ny

10a TSM Famantarana.

11a TSM Famantarana' Ireo Fotoana.

12a F&F 1:8; 132:49.
TSM Famehezana.

14a TSM Eveka.

15a F&F 72:1.
^b TSM Fiadidiana

Voalohany.

^d TSM Aharôna, Rahalahin' i Mosesy.

16a F&F 107:15-17.
TSM Fisoronana Aharôna.

17a TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

18a Eks. 40:12-15;
F&F 84:18; 107:13-16,
70-76.

19a TSM Mpisorona Avo.
^b TSM Eveka.

20a TSM Manosotra.
^b TSM Manokana.

Fiadidiana Voatonona anarana etsy ambony.

22 Ary ankoatra izany, ny eveka na ny mpisorona avo izay hatokana ho amin' izany asa fanompoana izany dia tsy hotsaraina na hohelohina noho ny fandikan-dalàna, raha tsy eo anoloan' ny "Fiadidiana Voalohan' ny fiangonana;

23 Ary raha hita fa meloka izy eo anoloan' io Fiadidiana io, noho ny tenivavolombelona tsy azo lavina, dia hohelohina;

24 Ary raha mibebaka izy dia ho "voavela, araka ireo fane-kempihavanana sy didin' ny fiangonana.

25 Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao i Ziona na any amin' ireo "tsatòkany izay voatsangana ny ^bray aman-dreny ka tsy "mampianatra azy hahazoa-ny ny fotopampianarana momba ny finoana an' i Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahana-tanana, rehefa feno "valo taona izy, dia mby eo amin' ny lohan' ny ray aman-dreny ny ^ffahotana.

26 Fa izany dia ho lalàna ho an' ny mponin' i "Ziona, na any amin' ireo tsatòkany izay voatsangana.

27 Ary ny zanany dia "hatao batisa ho ^bfamelana ny fahotany rehefa feno ^dvalo taona ary handray ny fametrahana-tanana.

28 Ary hampianariny ny zanany ny "hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan' ny Tompo.

29 Ary ny mponina ao i Ziona dia hanaja koa ny andro "Sabata mba hitandrina izany ho masina.

30 Ary ny mponina ao i Ziona dia hahatsiaro amim-pahatokia-na tanteraka koa ny asany, raha voatendry hiasa izy ireo; fa ny kamo dia hotsarovana eo anoloan' ny Tompo.

31 Ankehitriny, Izaho Tompo dia tsy mankasitraka ny mponin' i Ziona fa misy "kamo eo anivony; ary mitombo koa ao amin' ny ^bfaharatsiana ny zanany; tsy "katsahiny amin-kafanam-po tokoa ny haren' ny mandrakizay, fa feno fimatimatesan-karena ny masonry.

32 Tsy tokony hisy ireny zavatra ireny ary tsy maintsy foanana any anivony; koa aoka i Oliver Cowdery mpanompo-ko hitondra ireo teny ireo any an-tanin' i Ziona.

33 Ary didy no omeko azy ireo—fa izay tsy mitandrina ny "fivavany eo anoloan' ny Tompo amin' ny fotoana mahamety

22a TSM Fiadidiana
Voalohany.

24a TSM Mamela.

25a TSM Tsatòka.

b TSM Fianakaviana—
Ireo andraikitra ny
ray aman-dreny.

d TSM Mampianatra.

e F&F 18:42; 20:71.

f Jakôba 1:19;
F&F 29:46–48.

26a TSM Ziona.

27a TSM Batisa.

b TSM Famelana ny
Fahotana.

d TSM Ampamoahina,

Ampamoaka.

28a TSM Vavaka.

29a F&F 59:9–12.

TSM Andro Sabata.

31a TSM Midonana-poana.

b TSM Faharatsiana.

d F&F 6:7.

33a TSM Vavaka.

izany, dia aoka izy ^bhotsarova-
na eo anoloan' ny mpitsaran' ny
vahoakako.

34 Marina sy mahatoky ireto
“teny ireto; koa aza mandika

izany, na ^bmanaisotra amin’
izany.

35 Indro, Izaho no “Alfa sy
Omega, ary ^bavy faingana Aho.
Amena.

FIZARANA 69

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Nôvambra 1831 (History of the Church, 1:234–235). Ny fitambaran’ ireo fanambarana izay natao havoaka ho boky tsy ho ela dia efa nankatoavin’ ny fihaonambe manokana ny 1 Novambra. Ny fanambarana izay miseho etoana ho toy ny fizarana 133 dia natovana ny 3 Novambra ary natao hoe ny Tovana. Noho ny fanapahan’ ny fihaonambe, dia voatendry i Oliver Cowdery hitondra ny fitambaran’ ireo fanambarana sy didy voarakitra an-tsoratra ho any Independence, Missouri mba hanonta izany. Tokony hoentiny miaraka aminy koa ny vola izay efa narotsaka mba ho fananganana ny Fiangonana any Missouri. Koa satria hitondra azy hamakivaky tany vitsy mponina ny diany, ka hatrany amin’ ny sisin-tany, dia tokony hisy namana hiara-dia aminy.

1–2, Tokony hiaraka amin’ i Oliver
Cowdery ho any Missouri i John
Whitmer; 3–8, Tokony hitory sy
hanangona, hirakitra sy hanoratra
ireo toe-javatra ara-tantara koa izy.

MIHAINOA Ahy noho ny
amin’ i “Oliver Cowdery
mpanompoko, hoy ny Tompo
Andriamanitrareo. Tsy fahen-
drena Amiko ny tokony hana-
kinana aminy ireo didy sy vola
izay hoentiny ho any an-tanin’ i
Ziona, raha tsy misy anankiray
izay ho marina sy ho mahatoky
handeha hiaraka aminy.

2 Koa sitrako, Izaho Tompo, ny
handehanan’ i “John Whitmer

mpanompoko hiaraka amin’ i
Oliver Cowdery;

3 Ary koa ny hanohizany ny
fanoratana sy ny fanaovana ny
“tantaran’ ireo zavatra manan-
danja izay hodinihiny sy ho
fantany momba ny fiangonako;

4 Ary koa ny handraisany
“torohevitra sy fanampiana avy
amin’ i Oliver Cowdery mpa-
nompoko sy ny hafa.

5 Ary ireo mpanompoko koa
izay miely any amin’ ny vazan-
tany dia tokony handefa ny
tatitry ny “fitantanana-drahara-
hany any an-tanin’ i Ziona;

6 Fa ny tanin’ i Ziona dia ho
foibe sy ho toerana handraisa-

33b TSM Famaizana;
Fitsarana.

34a Fan. 22:6.

b F&F 20:35; 93:24–25.

35a TSM Alfa sy Omega.

b F&F 1:12.

69 1a TSM Cowdery,
Oliver.

2a TSM Whitmer, John.

3a F&F 47:1–3; 85:1.

4a TSM Torohevitra.

5a TSM Fitantanana-
draharaha.

na sy hanaovana ireny zavatra rehetra ireny.

7 Kanefa, aoka i John Whitmer mpanompoko handeha isan-toerana sy isam-piangonana mate-tika, mba hahazoany fahalalana moramora kokoa—

8 Ka hitory sy hamelabelatra, hanoratra, handika, hifantina ary

hahazo ny zava-drehetra izay ho tombontsoan’ny fiangonana sy ny taranaka vao misondrotra, izay hitombo ao an-tanin’ i “Ziona ka hizaka izany hatramin’ ny taranaka faramandimby ary mandrakizay mandrakizay. Amena.

FIZARANA 70

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 12 Novambra 1831 (History of the Church, 1:235–237). Ny tantara nosoratan’ ny Mpaminany dia milaza fa fihaonambe manokana efatra no natao hatramin’ ny 1 ka hatramin’ ny manontolo andron’ ny faha-12 Novambra. Tao amin’ ny farany tamin’ ireo fivoriana ireo no nandinihana ny maha-zava-dehibe Book of Commandments (ny Bokin’ ny Didy), izay natao hoe ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana tatỳ aoriana; ary ny Mpaminany dia niantso izany ho “foto-try ny Fiangonana amin’ izao andro farany izao, sy tombontsoan’ izao tontolo izao izay maneho fa ny fanalahidin’ ireo misterin’ ny fanjakan’ ny Mpamonjy antsika dia ankinina indray amin’ olombelona” (History of the Church 1:235).

1–5, Notendrena ireo mpitantan-draharaha mba hamoaka ireo fanambarana; 6–13, Ireo izay miasa ao amin’ ny zava-panahy dia mendrika ny karamany; 14–18, Tokony hitovy ny Olomasina eo amin’ ny zavatr’ izao fiainana izao.

INDRO, ary mihainoa, ô iana-ireo Ry mponin’ i Ziona, ary ianareo rehetra vahoakan’ ny fiangonako izay any lavitra dia mandrenesa ny tenin’ ny Tompo, izay omeko an’ i Joseph Smith zanany mpanompoko, ary koa an’ i Martin Harris mpanompoko, ary koa an’ i Oliver Cowdery mpanompoko, ary

koa an’ i John Whitmer mpanompoko, ary koa an’ i Sidney Rigdon mpanompoko ary an’ i William W. Phelps mpanompoko amin’ ny alalan’ ny didy ho azy ireo.

2 Fa omeko azy ireo ny didy; koa mihainoa ary mandrenesa, fa izao no lazain’ ny Tompo amin’ izy ireo—

3 Izaho Tompo dia efa nanendry sy nanokana azy ireo ho “mpitantan-draharaha hiandraikitra ireo fanambarana sy didy izay efa nomeko azy ireo ary izay homeko azy ireo, rahatrizay;

4 Ary ny tatitra ny amin’ izany fitantanandrahara izany, dia

hotakiako amin' izy ireo amin' ny andro fitsarana.

5 Koa efa notendreko izy ireo, ary izany no raharahany ao amin' ny fiangonan' Andriamanitra, mba hitantana izany sy ny momba izany, eny, ny tombontsoan' izany.

6 Koa didy no omeko ho azy ireo, tsy hanomezany ireo zavatra ireo ho an' ny fiangonana na ho an' izao tontolo izao;

7 Kanefa raha mandray mihoatra noho izay ilaina ho an' ny fahatereny sy ny tadiaviny izy ireo, dia homena ho an' ny "trano fitehirizako izany;

8 Ary ny tombontsoa dia hatokana ho an' ny mponin' i Ziona sy ho an' ny taranany, raha toa ireo ka lasa "mpandova araka ny lalàn' ny fanjakana.

9 Indro, izany no takian' ny Tompo amin' ny olona tsirairay amin' ny "fitantanana-draharahany, dia araka izay efa notendreko na izay hotendreko rahatrizay ho an' ny olon-drehetra.

10 Ary indro, tsy misy amin' ireo, izay isan' ny fiangonan' ilay Andriamanitra velona, afa-ka amin' izany lalàna izany;

11 Eny, na ny eveka, na ny "mpandraharaha izay mitantana ny trano fitehirizan' ny Tompo, na izay voatendry ho amin' ny fitantanana-draharaha momba ny zavatr' izao fiainana izao.

12 Izay voatendry hitantana ireo zavatra ara-panahy dia

"mendrika ny karamany, dia tahaka ireo izay voatendry ho amin' ny fitantanana-draharaha mba hitantana ny zavatr' izao fiainana izao;

13 Eny, be be kokoa aza, dia habetsahana izay ampitomboana ho azy ireo amin' ny alalan' ny fanehoan' ny Fanahy.

14 Kanefa dia "hitovy ianareo raha ny amin' ny zavatraireo eo amin' izao fiainana izao, nefa tsy hoe noho ny tsy fidiny izany fa raha tsy izany dia hotanana ny habetsahan' ny fanehoan' ny Fanahy.

15 Ankehitriny izany "didy izany dia omeko ho an' ireo mpanompoko ho tombontsoany, raha mbola velona izy ireo, ho fanehoana ny fitahiako eo ambony lohany sy ho valisoany noho ny "fahazotoany ary ho fiarovana azy ireo;

16 Ho haniny sy ho "fitafiany; ho lovany; ho trano sy ho tany, na inona na inona toe-javatra hametrahako Izaho Tompo azy ireo, ary na aiza na aiza toerana hanirahako Izaho Tompo azy ireo.

17 Fa efa nahatoky tamin' ny "zavatra maro izy ireo ary efa nahefa tsara tokoa noho izy tsy nanota.

18 Indro, Izaho Tompo dia "feno famindram-po ka hitahy azy ireo, ary izy ireo dia hiditra ao amin' ny fifalian' ireo zavatra ireo. Izany tokoa. Amena.

7a F&F 72:9-10.

8a F&F 38:20.

9a TSM Fitantanana-draharaha.

11a F&F 57:6.

12a Lio. 10:7.

14a F&F 49:20.

TSM Manokana.

15a Deot. 10:12-13.

b TSM Fahazotoana.

16a F&F 59:16-20.

17a Mat. 25:21-23.

18a TSM Famindram-po.

FIZARANA 71

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaninany sy i Sidney Rigdon tao Hiram, Ohio ny 1 Desambra 1831 (History of the Church, 1:238–239). Nanohy ny fandikana ny Baiboly niaraka tamin' i Sidney Rigdon ho toy ny mpitantsoratra ny Mpaminany ambara-pandraisany ity fanambarana ity, ka namelany izany vetivety tamin' izay fotoana izay, mba hahafahany manatanteraka ny toromarika omena etoana. Ireo rahalahy dia tokony handeha hitory mba hampitony ny rivom-pankahalana izay efa nitombo nanohitra ny Fiangonana, vokatry ny famoahana lahatsoratra an-gazety nataon' i Ezra Booth izay efa nivadika.

1–4, *Irahina hanambara ny filazantsara i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon; 5–11, Hatao mangaihay ireo fahavalon' ny Olomasina.*

INDRO, izao no lazain' ny Tompo aminareo ry mpampoko isany, i Joseph Smith zanany sy i “Sidney Rigdon, fa efa tonga marina tokoa ny fotoana ka ilaina sady mety Amiko ny hanokafanareo ny vavanareo ^bhanambara ny filazantsarako, ireo zavatra ny fanjakana', hamelabelatra ny ^dmisteriny avy ao amin' ny soratra masina, araka ny ampahany amin' ny Fanahy sy ny hery izay homena anareo, dia araka izay sitrapoko.

2 Lazaiko aminareo marina tokoa, mitoria amin' izao tantolo izao sy amin' ny faritra manodidina ary amin' ny fiangonana koa, mandritra ny fotoana voafetra, ambara-pahatonga izany hampahafantarina anareo.

3 Marina tokoa fa izany dia asa fitoriana mandritra ny fotoana voafetra izay omeko anareo.

4 Koa miasà ao amin' ny tanimboaloboko ianareo. Antsoy ireo mponin' ny tany ka mijoroa ho vavolombelona ary omano ny lalana ho an' ireo didy sy fanambarana izay ho avy.

5 Ankehitriny, indro, fahendrena izany; na zovy na zovy mamaky dia aoka izy “hahatakatra sy ^bhandray koa;

6 Fa izay mandray no home-na “be dia be kokoa, dia hery izany.

7 Koa, “ataovy mangaihay ny fahavalonareo; antsoy izy ireo ^bhihaona aminareo na an-kalamanjana na any amin' ny toerana mitokana; ary raha mahatoky ianareo dia haharihary ny henany.

8 Koa aoka izy ireo hitondra ny fandaharan-teny maheriny hanoherana ny Tompo.

9 Marina tokoa fa izao no lazain' ny Tompo aminareo—tsy misy ^afiadiana izay voaforona hamelezana anareo ka hiroborobo;

10 Ary raha misy olona manandratra ny feony manohitra

71 ^{1a} TSM Rigdon, Sidney.
^b TSM Asa Fitoriana.
^d F&F 42:61, 65.

5a TSM Fahatakarana.
^b Almà 12:9–11.
6a Mat. 13:12.

7a Mos. 7:13–17.
^b F&F 63:37; 68:8–9.
9a Isa. 54:17.

anareo, dia hatao mangaihay izy amin' ny fotoana mahame-ty izany Amiko.

11 Koa tandremo ny didiko; marina sy mahatoky izany. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 72

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirland, Ohio, ny 4 Desambra 1831 (History of the Church, 1:239–241). Niara-nivory ny loholona maromaro sy ny mpikambana mba hianatra ny andraikiny ary hiorina bebe kokoa ao amin' ny fampianaran' ny Fiangonana. Ity fizarana ity dia fanambarana ireo fanambarana roa voaray ny androtriny. Ny andininy 1 ka hatramin' ny 8 dia mampahafantatra ny fiantsoana an' i Newel K. Whitney ho eveka. Nantsoina izy tamin' izay ka natokana, ary voaray taorian' izay ny andininy 9 ka hatramin' ny 26, izay nanome fanampim-panazavana momba ny andraikitra ny eveka.

1–8, Tokony hanao tatitra amin' ny eveka momba ny fintantanandraharahany ireo loholona; 9–15, Ny eveka no mitantana ny trano fitehirizana ary miahny ny mahantra sy ny sahirana; 16–26, Tokony hohamarinin' ny eveka ny fahamendrehan' ireo loholona.

MIHAINOA sy mandrene-sa ny feon' ny Tompo, ô ianareo izay efa niara-tafavory, izay "mpisorona avon' ny fiangonako, izay efa nomena ny ^bfanjakana sy ny hery.

2 Fa izao marina tokoa no lazain' ny Tompo hoe, ilaina Amiko ny hanendrena "eveka ho anareo na avy aminareo ho an' ny fiangonana ao amin' ity faritry ny tanimboaloboky ny Tompo ity.

3 Ary marina tokoa fa efa nataonareo tamim-pahendrena ny

momba ity zavatra ity, fa takian' ny Tompo amin' ny "mpitantandraharaha tsirairay ny hanaovany ^btatitra momba ny ^dfitantanandraharahany, na amin' ny fotoam-pahavelomana na amin' ny mandrakizay.

4 Fa izay mahatoky sy "hendry amin' ny fotoana dia isaina ho mendrika ny handova ireo ^btrano nomanin' ny Raiko ho azy.

5 Lazaiko aminareo marina tokoa, ireo loholon' ny fiangonana ao amin' ity faritry ny "tanimboaloboko ity dia hanao tatitra momba ny fitantanandraharahany amin' ny eveka izay hotendreko ao amin' ity faritry ny tanimboaloboko ity.

6 Hotanana ao amin' ny rakisatoratra izany zavatra izany ka hatolotra ny evekan' i Ziona.

7 Ary ny andraikitra ny "eveka dia hampahafantarina amin' ny

72 1a F&F 68:14–19.

^b TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.
2a TSM Eveka.

3a TSM Fitantanandraharaha.

^b F&F 42:32; 104:11–13.
^d Lio. 19:11–27.
4a Mat. 24:45–47.

^b F&F 59:2.

5a TSM Tanimbolin' ny Tompo.

7a F&F 42:31; 46:27;
58:17–18; 107:87–88.

alalan' ireo didy izay efa nomena sy ny feon' ny fihaonambe.

8 Ary ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa i "Newel K. Whitney mpanompoko no ilay lehilahy izay hotendrena sy hatokana ho amin' izany hery izany. Izany no sitrapon' ny Tompo Andriamamitrareo, ny Mpanavotra anareo. Izany tokoa. Amena.

9 Ny tenin' ny Tompo, ho fanampin' ny lalàna izay efa nomena ka mampahafantatra ny andraikitra ny eveka izay efa natokana ho an' ny fiangonana ao amin' ity faritra ny tanimboaloboka ity, dia toy izao marina tokoa —

10 Ny hitantana ny "trano fitehirizan' ny Tompo; ny handray ny tahirimbolan' ny fiangonana ao amin' ity faritra ny tanimboaloboka ity;

11 Ny handray ny tatitr' ireo loholona araka izay nandidiana izany tetsy aloha; ary ny "hikarakara izay ilain' izy ireo, ary ny handoa izay horaisin' izy ireo raha toa ka manan-kandoavana izy ireo;

12 Mba hahazoana manokana izany koa ho an' ny tombontsoan'ny fiangonana, ho an' ny mahantra sy ny sahirana.

13 Ary izay tsy "manan-kandoavana dia handraisana tatitra hatolotra ny evekan' i Ziona izay handoa ny trosa amin' izay hapetraky ny Tompo eo an-tanany.

14 Ary ny asan' ny mahatoky izay miasa ao amin' ny zavatra ara-panahy, amin' ny fitondrana ny filazantsara sy ny zavatra ny fanjakana amin' ny fiangonana sy amin' izao tontolo izao, dia ny hanefa ny trosa amin' ny eveka ao Ziona;

15 Dia toy izany no ivoahan' izany avy ao amin' ny fiangonana, satria araka ny "lalàna, ny olona tsirairay izay miakatra ao Ziona dia tsy maintsy mame-traka ny zava-drehetra eo anoloan' ny eveka ao Ziona.

16 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo marina tokoa, fa satria ny loholona tsirairay amin' ity faritra ny tanimboaloboka ity dia tsy maintsy manome ny eveka ny tatitra ny fitantandrahahany ao amin' ity faritra ny tanimboaloboka ity —

17 Ny "taratasy fanamarinana, avy amin' ny mpitsara na ny eveka ao amin' ity faritra ny tanimboaloboka ity ho an' ny evekan' i Ziona, dia mahatonga ny lehilahy tsirairay ho mendrika sy mahafeno ny fepetra rehetra hahazoany lova, ary handraisana azy ho toy ny mpi-tantan-draharaha hendry sy ho toy ny mpiasa mahatoky;

18 Raha tsy izany dia tsy hoe-ken' ny evekan' i Ziona izy.

19 Ary ankehitriny lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ny loholona tsirairay izay hanao tatitra amin' ny evekan' ny fiangonana ao amin' ity faritra ny

8a TSM Whitney,
Newel K.
10a F&F 70:7-11; 78:3.
TSM Trano

Fitehirizana.
11a F&F 75:24.
13a TSM Mahantra.
15a F&F 42:30-31.

TSM Manokana.
17a F&F 20:64, 84.
b F&F 42:32.

tanimboaloboka ity hanana teny fankasitrahana momba ny tenany avy amin' ny fiangonana, na ireo fiangonana izay iasany, mba hahatonga ny tenany sy ny tatitra ataony hankatoavina amin' ny zava-drehetra.

20 Ary ankoatra izany, dia aoka ireo mpanompoko izay voatendry ho mpitantan-draharaha hiandraikitra ny “asa soratra momba ny fiangonako hanana zo hangataka fanampiana amin' ny eveka na ireo eveka amin' ny zava-drehetra —

21 Mba ho azo avoaka ireo “fanambarana ka handeha hatrany am-paran' ny tany; mba hahazoany tahirim-bola koa izay ho tombontsoan' ny fiangonana amin' ny zava-drehetra;

22 Mba hahatonga azy ireo koa hankasitrahana amin' ny zava-drehetra ary hoheverina ho toy ny mpitantan-draharaha hendry.

23 Ary ankehitriny indro, izany dia ho fianarana ho an' ireo sampana midoroboka rehetra amin' ny fiangonako, na aiza na aiza tany hiorenany. Ary ankehitriny dia mamarana ny filazako Aho. Amena.

24 Teny vitsivitsy ho fanampin' ireo lalàn' ny fanjakana, momba ireo mpikambana ao amin' ny fiangonana — ireo izay “voatendrin' ny Fanahy Masina mba handeha hiakatra ao Ziona —

25 Aoka izy ireo hitondra ho an' ny eveka fanamarinana avy amin' ny loholona telo ao amin' ny fiangonana, na fanamarinana avy amin' ny eveka;

26 Raha tsy izany dia tsy hoheverina ho toy ny mpitantan-draharaha hendry izay handeha hiakatra ao an-tanin' i Ziona. Izany koa dia ho fianarana. Amena.

FIZARANA 73

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao Hiram, Ohio, ny 10 Janoary 1832 (History of the Church, 1:241–242). Hatramin' ny tapany voalohan' ny volana Desambra lasa teo, dia efa nirotsaka tamin' ny fitoriana ny Mpaminany sy i Sidney, ary tamin' izany dia be no vita ho fampihenana ireo fihetsika nisy tsy fankasitrahana izay nipoitra mba hanohitra ny Fiangonana (jereo ny sasin-tenin' ny fizarana 71).

1–2, Tokony hanohy ny fitoriana ireo loholona; 3–6, Tokony hanohy ny fandikana ny Baiboly mandra-pahavitany i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon.

FA izao marina tokoa hoy ny Tompo, ilaina Amiko ny hanohizan' “izy ireo ny fitoriana ny filazantsara sy ny fanentana-na ireo fiangonana eny amin'

20a F&F 70:3–5.

21a TSM Fotopampiana-rana sy Fanekepiahavanana.

24a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

73 1a IE ny sasany any am-panaovana asa

fitoriana; jereo F&F 57–68.

ny faritra manodidina mandra-pahatongan’ ny fihaonambe;
2 Ary amin’ izay, dia indro, hampahafantarina azy ireo amin’ ny alalan’ ny “feon’ ny fihaonambe ny asa anirahana ny tsirairay.
3 Ankehitriny dia lazaiko aminareo marina tokoa ry mpanompoko isany, i Joseph Smith zanany sy i Sidney Rigdon, hoy ny Tompo, “fa ilaina indray ny ^bhandikana teny;
4 Ary araka izay azo atao, ny hitoriana eny amin’ ny faritra

manodidina mandra-pahatongan’ ny fihaonambe; ary aorian’ izany dia ilaina ny hanohizana ny asa fandikan-teny mandra-pahavitany.
5 Ary aoka izany ho toromari-ka ho an’ ireo loholona, ambarapisian’ ny fanampim-pahalalana, araka izay voasoratra.
6 Ankehitriny dia tsy omeko bebe kokoa ianareo amin’ izao fotoana izao. “Sikino ny valahanareo ary mahonona tena. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 74

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Janoary 1832 (History of the Church, 1:242). Manoratra ny Mpaminany hoe: “Rehefa nandray ny teny teo aloha nataon’ ny Tompo aho [F&F 73] dia nanomboka indray ny fandikana ny Soratra Masina ka nilofo tamin’ ny fahazotoana tokoa hatramin’ izay ka hatramin’ ny fotoana nialoha kelin’ ny fihaonambe izay tokony hatao ny faha-25 ny volana Janoary. Nandritra izany fotoana izany dia naharay izao manaraka izao koa aho ho fanazavana ny Epistily Voalohany ho an’ ny Korintiana, toko faha-7, ny andininy faha-14” (History of the Church, 1:242).

1–5, Notaomin’ i Paoly ny Fiangonana tamin’ ny androny tsy hitandrina ny lalàn’ i Mosesy; 6–7, Masina sy voadio amin’ ny alalan’ ny sorompanavotana ny ankizy madinika.

FA ny lahy “tsy mino dia efa masina amin’ ny alalan’ ny vavy, ary ny vavy tsy mino dia

efa masina amin’ ny alalan’ ny lahy; raha tsy izany dia tsy madio ny zanakareo, saingy masina izy ireo ankehitriny.
2 Ankehitriny, tamin’ ny andron’ ireo apostoly, dia nampiharina tany anivon’ ny Jiosy rehetra izay tsy nino ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy ny lalàn’ ny famorana.

2a F&F 20:63. 3a 1E Talohan’ izao dia nodidina i Joseph sy i Sidney ny hampitsahatra ny	fandikana ny Baiboly ary ny handehanan’ hitory teny. F&F 71:2. b F&F 45:60–61; 76:15. TSM Dikantenin’ i	Joseph Smith (DJS). 6a 1 Pet. 1:13. 74 1a 2 Tan. 7:14–19.

3 Ary ny zava-nitranga dia teraka ny “fifandirana lehibe tany anivon’ ny vahoaka momba ny lalàn’ ny ^bfamorana, fa ny lahy tsy nino dia naniry ny zanany ho foràna sy ho eo ambany fifehezan’ ny “lalàn’ i Mosesy, lalàna izay efa tanteraka.

4 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka ny “fomban-drazany ireo zanany izay nobeazina tao amin’ ny fanoavana ny lalàn’ i Mosesy, ka tsy nino ny filazantsaran’ i Kristy, noho izany dia nanjary tsy masina izy ireo.

5 Koa noho izany antony izany, dia nanoratra ho an’ ny fiangonana ny apostoly nanome azy

ireo didy, tsy avy amin’ ny Tompo fa avy amin’ ny tenany, fa ny mino dia tsy tokony “hiray amin’ ny tsy mino, raha tsy foanana eo anivony ny ^blalàn’ i Mosesy,

6 Ka ny zanany dia tsy handalo famoràna; ary hofaoanana ny fomba izay milaza fa tsy masina ny ankizy madinika; fa nampiharina tany anivon’ ny Jiosy izany;

7 Saingy ny “ankizy madinika dia ^bmasina, satria ^dvoadio tamin’ ny alalan’ ny ^esorompanavotan’ i Jesoa Kristy; ary izany no tian’ ny soratra masina holazaina.

FIZARANA 75

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Amherst, Ohio, ny 25 Janoary 1832 (History of the Church, 1:242–245). Fotoan’ ny fihanonambe efa tapaka tany aloha tamin’ izay. Notohanana sy natokana ho Filohan’ ny Fisoronana Avo i Joseph Smith tamin’ io fihanonambe io. Ireo loholona vitsivitsy, izay efa tojo fahasahiranana tamin’ ny fandresen-dahatra ny olona hahazo ny hafany, dia naniry ny hianatra ny andraikiny mivantana amin’ ny an-tsipiriany kokoa. Nanaraka izao fanambarana izao.

1–5, Hahazo ny fiainana mandrakizay ireo loholona mahatoky izay mitory ny filazantsara; 6–12, Mivavaha mba handray ny Mpampionona izay mampianatra ny zava-drehetra; 13–22, Ireo loholona dia hipetraka hitsara ireo izay mandà ny hafany; 23–36, Tokony hahazo fanampiana amin’ ny

Fiangonana ny fianakavian’ ireo misiônera.

LAZAIKO aminareo marina dia marina tokoa, dia Izaho izay miteny amin’ ny “feon’ ny Fanahiko, ^bAlfa sy Omega, ny Tomponareo sy Andriamamitrareo —

3a Asa 15:1–35;

Gal. 2:1–5.

^b TSM Famorana.

^d TSM Lalàn’ i Mosesy.

4a TSM Fomban-drazana.

5a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian’ ny

samy hafa finoana.

^b 2 Ne. 25:24–27.

7a Môrô. 8:8–15;

F&F 29:46–47; 137:10.

^b TSM Masina.

^d TSM Famonjena—
Famonjena ny ankizy.

^e TSM Sorompanavotana.

75 1a TSM Fanambarana.

^b Fan. 1:8.

TSM Alfa sy Omega.

2 Mihainoa, ô ianareo izay efa nanome ny anaranareo mba handeha hitory ny filazantsarako sy "handratsana ny ^btanim-boaloboko.

3 Indro, lazaiko aminareo fa izao no sitrapoko dia ny han-dehananareo ka tsy hitaredretra na "hidonana-poana fa hiasa amin' ny herinareo—

4 Hanandratra ny feonareo toy ny amin' ny fanenon' ny trom-petra, "hanambara ny ^bmarina araka ny fanambarana sy ny didy izay efa nomeko anareo.

5 Ary dia toy izany, raha mahatoky ianareo dia hovesarana "amboara maro, ary ^bhampisatrohana anareo ny ^dsatroboninahitry ny laza sy ny ^evoninahitra, ary ny ^ftsy fahafatesana sy ny ^gfiainana mandrakizay.

6 Koa lazaiko amin' i William E. McLellin mpanompoko marina tokoa, fa "foanako ny fanendrena izay nomeko azy handeha ho any amin' ny tany atsinanana;

7 Ary omeko azy ny fanendrena vaovao sy ny didy vaovao izay "amaizako Izaho Tompo azy, noho ny ^bfimonomononan' ny fony;

8 Ary nanota izy; kanefa Izaho dia mamela azy ary miteny aminy indray hoe: Mandehana ianao mankamin' ny tany atsimo.

9 Ary aoka i Luke Johnson mpanompoko handeha hiara-

ka aminy ary hanambara ny zavatra izay efa nandidiako azy ireo—

10 Hiantso ny anaran' ny Tompo, mba hahazo ny "Mpampionona izay hampianatra azy ireo ny zavatra rehetra izay ilaina ho azy ireo—

11 "Hivavaka mandrakariva ka tsy ho kivy; ary raha toa ka ataony izany, dia homba azy ireo hatramin' ny farany Aho.

12 Indro, izany no sitrapon' ny Tompo Andriamanitrareo momba anareo. Izany tokoa. Amena.

13 Ary ankoatra izany, dia toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: aoka i "Orson Hyde mpanompoko sy i ^bSamuel H. Smith mpanompoko handeha hankamin' ny tany atsinanana ary hanambara ny zavatra izay efa nandidiako azy ireo; ary raha toa ka mahatoky izy ireo dia indro, "homba azy ireo hatramin' ny farany Aho.

14 Ary ankoatra izany dia lazaiko marina tokoa amin' i Lyman Johnson mpanompoko, sy amin' i "Orson Pratt mpanompoko fa tokony handeha koa hankamin' ny tany atsinanana izy ireo; dia indro ka jereo fa Izaho homba azy ireo koa hatramin' ny farany.

15 Ary ankoatra izany, dia lazaiko amin' ny Asa Dodds

2a Jakôba 5:62.

^b TSM Tanimbolin' ny Tompo.

3a TSM Midonana-poana.

4a TSM Asa Fitoriana.

^b F&F 19:37.

5a Sal. 126:6; Almà 26:5.

^b TSM Satroboninahitra.

^d TSM Manaja.

^e TSM Voninahitra.

^f TSM Tsy Fahafatesana.

^g TSM Fiainana

Mandrakizay.

6a F&F 66:1-13.

7a TSM Famaizana.

^b TSM Mimonomonona;

Eritreritra.

10a Jao. 14:26.

TSM Mpampionona.

11a 2 Ne. 32:9.

13a TSM Hyde, Orson.

^b TSM Smith, Samuel H.

^d Mat. 28:19-20.

14a TSM Pratt, Orson.

mpanompoko, sy amin' i Calves Wilson mpanompoko fa tokony handeha koa hankamin' ny tany andrefana izy ireo ary hanambara ny filazantsarako, araka izay efa nandidiako azy ireo.

16 Ary izay mahatoky dia handresy ny zava-drehetra ary "hasandratra amin' ny andro farany.

17 Ary ankoatra izany, dia lazaiko amin' i Major N. Ashley mpanompoko sy i Burr Riggs mpanompoko, aoka izy ireo handeha koa hankamin' ny tany atsimo.

18 Eny, aoka ireo rehetra ireo handeha araka izay efa nandidiako azy avy, handeha isan-trano sy isam-bohitra ary isantanàna.

19 Ary ao amin' izay trano rehetra idiranareo ka mandray anareo, dia tonòny amin' izany trano izany ny tsodranonareo.

20 Ary ao amin' izay trano rehetra idiranareo ka tsy mandray anareo, dia mialà faingana ianareo amin' izany trano izany ka "ahintsano ny vovoka amin' ny tongotrareo ho vavolombelona hiampanga azy ireo.

21 Ary hofenoina "fifaliana sy haravoana ianareo; ary izao no fantaro fa amin' ny andro fitsarana, dia ho ^bmpitsara izany trano izany ianareo ary hanameloka azy;

22 Ary holeferina kokoa ny amin' ny mpanompo sampy

noho ny amin' izany trano izany amin' ny andro fitsarana; koa "sikino ny valahanareo, ary aoka ho mahatoky dia handresy ny zava-drehetra ianareo ary hasandratra amin' ny andro farany. Izany tokoa. Amena.

23 Ary ankoatra izany, dia izao no lazain' ny Tompo aminareo, ô ianareo ry loholon' ny fiangonako, izay efa nanome ny anaranareo mba hahafantarareo ny sitrapony momba anareo—

24 Indro, lazaiko aminareo fa adidin' ny fiangonana ny manampy amin' ny fiahiana, ary koa ny manohana ny fianakavian' ireo izay voantso ary tokony hirahina any amin' izao tontolo izao hanambara amin' izao tontolo izao ny filazantsara.

25 Koa, Izaho Tompo dia manome anareo ity didy ity mba hahazoanareo toerana ho an' ny fianakavianareo, raha toa ka vonona hanokatra ny fony ny rahalahinareo.

26 Ary aoka izay rehetra mety hahazo toerana ho an' ny fianakaviany sy fanampiana avy amin' ny fiangonana ho azy tsy hisoroka ny fandehanana any amin' izao tontolo izao, na ho any atsinanana, na ho any andrefana, na ho any avaratra na ho any atsimo.

27 Aoka izy ireo hangataka dia hahazo, handondona dia hovahana, ary hampahafantarina avy any ambony amin' ny alalan' ny

16a F&F 5:35.

20a Mat. 10:14;

Lio. 10:11-12;

F&F 24:15; 60:15.

21a Mat. 5:11-12.

^b TSM Fitsarana.

22a Ef. 6:14;

F&F 27:15-18.

“Mpampionona izay halehan’ izy ireo.

28 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny olona tsirairay izay voatery “hamelona ny ^bankohonany dia aoka hamelona azy, dia tsy hamery ny satroboninahiny izy; ary aoka izy hifofotra ao amin’ ny fiangonana.

29 Aoka ny olona tsirairay “hazoto amin’ ny zava-drehetra. Ary ny ^bmidonana-poana dia tsy hanana toerana ao amin’ ny fiangonana, raha tsy mibebaka izy ary manova ny lalany.

30 Koa aoka i Simeon Carter mpanompoko sy i Emer Harris mpanompoko hitambatra amin’ ny asa fanompoana;

31 Ary koa i Ezra Thayre mpanompoko sy i “Thomas B. Marsh mpanompoko;

32 Ary koa i Hyrum Smith mpanompoko sy i Reynolds Cahoon mpanompoko;

33 Ary koa i Daniel Stanton mpanompoko sy i Seymour Brunson mpanompoko;

34 Ary koa i Sylvester Smith mpanompoko sy i Gideon Carter mpanompoko;

35 Ary koa i Ruggles Eames mpanompoko sy i Stephen Burnett mpanompoko;

36 Ary koa i Micah B. Welton mpanompoko sy i Eden Smith mpanompoko. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 76

Fahitana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao Hiram, Ohio, ny 16 Febroary 1832 (History of the Church, 1:245–252). Raha nanolotra ny fitantarany ity fahitana ity ny Mpaminany dia nanoratra hoe: “Taorian’ ny fiverenako avy tany amin’ ny fihaonamben’ i Amherst, dia nanohy ny fandikana ny Soratra Masina aho. Niharihary tamin’ ireo fanambarana efa voaray fa lafiny manan-danja maro momba ny famonjena ny olona no efa nesorina tao amin’ ny Baiboly na very talohan’ ny nanangonana azy. Miharihary ho azy avy amin’ ireo fahamari-nana izay tavela, fa raha mamaly ny tsirairay araka ny asa vita tao amin’ ny vatana Andriamanitra, ny teny hoe ‘Lanitra,’ izay noheverina ho fonenana mandrakizay ho an’ ny Olomasina, dia tsy maintsy ahitana fanjakana mihoatra ny anankiray. Araka izany . . . raha mbola nandika ny Filazantsaran’ i Jaona ny tenako sy ny loholona Rigdon dia nahita izao fahitana manaraka izao” (History of the Church, 1:245). Taorian’ ny nandikan’ ny Mpaminany ny Jaona 5:29 no nanomezana ity fahitana ity.

1–4, Ny Tompo no Andriamanitra;
5–10, Hambara amin’ ny mahatoky

rehetra ireo misterin’ ny fanjakana;
11–17, Hitsangana ny rehetra

27a 2 Ne. 32:5; F&F 8:2.

TSM Fanahy Masina.

28a 1 Tim. 5:8; F&F 83:2.

b TSM Fianakaviana.

29a TSM Fahazotoana.

b TSM Midonana-poana.

31a TSM Marsh,

Thomas B.

amin' ny fitsanganan' ny marina sy ny tsy marina amin' ny maty; 18-24, Ny mponin' ireo tontolo maro dia zanakalahy sy zanakavavy nateraka ho an' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy; 25-29, Lavo ny anjelin' Andriamanitra iray ary nanjary devoly; 30-49, Miaritra ny fanamelohana mandrakizay ireo zanaky ny fahaverezana; mahazo ambaratongam-pamonjena ny hafa rehetra; 50-70, Filazalazana ny voninahitra sy ny valisoan' ireo olona tafasandratra ao amin' ny fanjakana selestialy; 71-80, Filazalazana ny amin' ireo izay handova ny fanjakana terestrialy; 81-113, Fanazavana ny toetr' ireo izay ao amin' ny voninahitra telestialy, terestrialy ary selestialy; 114-119, Mety hahita sy hahatakatra ireo misterin' ny fanjakan' Andriamanitra ny olo-mahatoky amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

MANDRENESA ianareo, ô Mry lanitra, ary mampan-dria sofina, ô ry tany, ary mifalia ianareo ry mponina eo aminy fa ny Tompo no ^bAndriamanitra, ary ankoatra Azy dia ^atsy misy ^cMpamonjy.

2 ^aLehibe ny fahendreny, ^bmahatalanjona ny lalany ary ny

fivelaran' ny ataony dia tsy misy mahafantatra.

3 Tsy mivaona ny ^atanjony, sady tsy misy izay afaka misakana ny tanany.

4 Mandrakizay mandrakizay dia ^atsy miova Izy, ary tsy ^bmifarana na oviana na oviana ny taonany.

5 Fa izao no lazain' ny Tompo—Izaho Tompo dia ^ama-mindra fo sy miantra ireo izay ^bmatahotra Ahy ary finaritra ny hankalaza ireo izay ^amanompo Ahy amin' ny rariny sy amin' ny fahamarinana hatramin' ny farany.

6 Ho lehibe ny valisoany ary ho mandrakizay ny ^avoninahiny.

7 Ary amin' ireo no ^ahambarako ny ^bmistery rehetra, eny, ny mistery mifaina rehetra momba ny fanjakako hatramin' ny andro fahiny sy ho an' ny taona ho avy, hampahafantariko azy ireo ny safidin' ny sitrapoko momba ny zava-drehetra mikasika ny fanjakako.

8 Eny, ireo zava-mahatalanjon' ny mandrakizay dia ho fantatr' izy ireo ary ny zavatra ho avy dia hasehoko azy ireo, dia ny zavatr' ireo taranaka maro.

9 Ary ho lehibe ny ^afahendreny ary ny ^bfahatakarany hahatratra

76 1a Isa. 1:2.

b Jer. 10:10.

TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Zanaka.

d Isa. 43:11;

Hosea 13:4.

e TSM Mpamonjy.

2a 2 Ne. 2:24;

F&F 38:1-3.

b Fan. 15:3.

3a 1 Mpan. 8:56;

F&F 1:38; 64:31.

4a Heb. 13:8;

F&F 35:1; 38:1-4;

39:1-3.

b Sal. 102:25-27;

Heb. 1:12.

5a Eks. 34:6; Sal. 103:8.

TSM Famindram-po.

b Deot. 6:13;

Jos. 4:23-24.

TSM Tahotra;

Fanajana.

d F&F 4:2.

6a TSM Voninahitra

Selestialy.

7a F&F 42:61; 59:4; 98:12;

121:26-33.

b TSM Misterin'

Andriamanitra.

9a TSM Fahendrena.

b TSM Fahatakarana.

ny lanitra; ary eo anoloany ny fahendren' ny hendry dia ho 'foana ary ny fahatakarany ny manam-pahalalana dia hanjary ho tsinontsinona.

10 Fa amin' ny "Fanahiko no 'hanazavako azy ireo ary amin' ny 'heriko no hampahafantarako azy ireo ny tsiambaratelon' ny sitrapoko—eny, dia ireo zavatra izay tsy mbola hitan' ny 'maso, na ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona.

11 Izahay Joseph Smith zana-ny sy Sidney Rigdon dia "notsindrian' ny Fanahy tamin' ny andro fahenina ambin' ny folon' ny volana Febroary, tamin' ny taonan' ny Tompo roa amby telopolo sy valonjato sy arivo—

12 Noho ny herin' ny "Fanahy dia nosokafana ny 'masonay ary nohazavaina ny fahatakarany mba hahita sy hahatakatra ny zavatra momba an' Andriamanitra—

13 Dia ireo zavatra izay hatra-ny am-piandohana, talohan' ny nisian' izao tontolo izao, izay voatendrin' ny Ray tamin' ny alalan' ny Zanany Lahitokana izay tao an-tratran' ny Ray hatrany "am-piandohana;

14 Izay momba Azy no anao-
vanay fanambaràna; ary ny fanambaràna izay ataonay dia ny

fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, dia ny Zanaka izay hitanay, ary Taminy no "niresahanay tao amin' ny 'fahitana avy any an-danitra.

15 Fa raha mbola nanao ny asa "fandikan-teny izahay, izay efa notendren' ny Tompo ho anay dia tonga teo amin' ny andini-ny fahasivy amby roapolon' ny Jaona toko fahadimy, izay nomena anay araka izao manaraka izao—

16 Izay miresaka ny amin' ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty, momba ireo izay "handre ny feon' ny 'Zanak' Olona:

17 Ary hivoaka ireo izay efa nanao ny "tsara, amin' ny 'fitsanganan' ny "marina amin' ny maty; sy ireo izay efa nanao ny ratsy, amin' ny fitsanganan' ny tsy marina amin' ny maty.

18 Ankehitriny izany dia nahatonga anay hitalanjona, satria nomen' ny Fanahy anay izany.

19 Ary raha mbola "nisaintsaina ireo zavatra ireo izahay, dia nikasika ny mason' ny fahatakarany ny Tompo ary nosokafana ireo, ary ny voninahitry ny Tompo namirapiratra nanodidina.

20 Ary tazanay ny "voninahitry ny Zanaka eo an-tanana 'anka-

9d Isa. 29:14;
2 Ne. 9:28–29.
10a Môrô. 10:5.
b TSM Fanambarana;
Fijoroana ho
Vavolombelona.
d TSM Hery.
e Isa. 64:4; 2 Tan. 2:9;
3 Ne. 17:15–17;
F&F 76:114–116.

11a Fan. 1:10.
12a TSM Fiovan-tarehy.
b F&F 110:1; 137:1;
138:11, 29.
13a Mos. 4:2.
14a F&F 109:57.
b TSM Fahitana.
15a TSM Dikantenin' i
Joseph Smith (DJS).
16a Jao. 5:28.

b TSM Zanak' Olona.
17a TSM Asa.
b TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.
d Asa 24:15.
19a TSM Misaintsaina.
20a TSM Jesoa Kristy—
Voninahitr' i Jesoa
Kristy.
b Asa 7:56.

vanan' ny "Ray ary nandray avy tamin' ny fahafenoany izahay;

21 Ary nahita ireo "anjely masina sy ireo izay ^bnohamasinina eo anoloan' ny seza fiandrianany, nidera an' Andriamanitra sy ny Zanakondry izay "midera Azy mandrakizay mandrakizay.

22 Ary ankehitriny, aorian' ireo tenivavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny "tenivavolombelona, ny farany amin' ny rehetra, izay atao-nay momba Azy: Fa ^bvelona Izy!

23 Fa "hitany Izy, eo an-tanana ankavanan' ^bAndriamanitra; ary renay ny feo manambara fa Izy no "Zanaka Lahitokan' ny Ray—

24 Fa tamin' ny "alalany sy tao Aminy ary avy Aminy no ary sy nahariana ireo ^btontolo, ary ny mponina eo aminy dia ateraka ho "zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra.

25 Ary nahita izao koa izahay, ary vavolombelona manambara, fa ny "anjelin' Andriamanitra iray izay nanana fahefana teo anatrehan' Andriamanitra, izay nikomy tamin' ny Zanaka Lahitokana izay tian' ny Ray ary tao an-tratran' ny Ray, dia nazera

avy teo anatrehan' Andriamanitra sy ny Zanaka,

26 Ary natao hoe Fahaverezana izy fa nitomany azy ny lanitra—Izy no "Losifera, zanaky ny maraina.

27 Ary nahita izahay, ary indro, "lavo izy! lavo, dia ilay zanaky ny maraina!

28 Ary raha mbola notsindrian' ny Fanahy izahay, dia nandidy anay ny Tompo hanoratanay ilay fahitana; fa nahatazana an' i Satana izahay, ilay "menarana ela, dia ny ^bdevoly izay "nikomy tamin' Andriamanitra ary nikatsaka ny haka ny fanjakan' Andriamanitsika sy i Kristiny—

29 Koa "miady amin' ny olomasin' Andriamanitra izy ary manemitra azy manodidina.

30 Ary hitanay ny fahitana ny fijalian' ireo izay niadiany ary resiny, fa tonga toy izao taminay ny feon' ny Tompo:

31 Toy izao no lazain' ny Tompo momba ireo rehetra izay mahafantatra ny heriko sy efa natao mpandray anjara tamin' izany, saingy namela ny tenany ho "resin' ny herin' ny devoly ka handà ny fahamari-nana ary hiantsy ny heriko—

20d TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

21a Mat. 25:31;
F&F 130:6–7; 136:37.

^b TSM Fanamasinana.
^d TSM Fitsaohana.

22a TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.

^b F&F 20:17.

23a TSM Jesoa Kristy—
Fisehoan' i Kristy
taorian' ny
fitsanganany tamin'
ny maty.

^b TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

^d Jao. 1:14.
TSM Lahitokana.

24a Heb. 1:1–3;
3 Ne. 9:15;

F&F 14:9; 93:8–10.
^b Mos. 1:31–33; 7:30.

TSM Fahariana.
^d Asa 17:28, 29;
Heb. 12:9;
TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin'
Andriamanitra.

25a F&F 29:36–39;
Mos. 4:1–4.

TSM Devoly.

26a Isa. 14:12–17.

TSM Losifera.

27a Lio. 10:18.

28a Fan. 12:9.

^b TSM Devoly.

^d TSM Ady Tany

An-danifera.

29a Fan. 13:7;
2 Ne. 2:18; 28:19–23.

31a TSM Apôstazia.

32 Izy ireo no ireo izay “zanaky ny ^bfahaverezana, izay lazaiko fa tsaratsara kokoa ho azy ireo ny tsy ho nateraka na oviana na oviana;

33 Fa izy ireo no fanaky ny fisafoahana voaozona hiaritra ny fisafoahan’ Andriamanitra mioraka amin’ ny devoly sy ny anjelin’ ao amin’ ny mandrakizay;

34 Ny amin’ izy ireo no efa nilazako fa tsy misy “famelana na eo amin’ izao tontolo izao na any amin’ ny tontolo ho avy —

35 Satria efa “nandà ny Fanahy Masina izy ireo rehefa avy nandray izany ary efa nandà ny Zanaka Lahitokan’ ny Ray sady efa ^bnanombo Azy ary namela Azy halam-baraka mibaribary.

36 Ireny no ireo izay handeha ho any amin’ ny “farihy afo sy solifara miaraka amin’ ny devoly sy ny anjelin’ —

37 Ary ireo no hany hananan’ ny “fahafatesana faharoa hery;

38 Eny marina tokoa, ireo no “hany tsy ho voavotra amin’ ny fotoana mahamety izany amin’ ny Tompo, aorian’ ny fiaretana ny fisafoahany.

39 Fa ny sisa rehetra dia “hoentina hivoaka amin’ ny ^bfitsan-

ganan’ ireo nodimandry amin’ ny maty, amin’ ny alalan’ ny fandresena sy ny voninahitry ny “Zanakondry izay voavono, izay tao an-tratran’ ny Ray talohan’ ny nanaovana ireo tontolo.

40 Ary izao no “filazantsara, ny vaovao mahafaly izay nambaran’ ny feo avy any an-danitra taminay —

41 Fa tonga teo amin’ izao tontolo izao Izy, dia i Jesoa, mba “hohomboana ho an’ izao tontolo izao sy ^bhitondra ny fahotan’ “izao tontolo izao, ary mba “hanamasina izao tontolo izao sy ^bhanadio izany amin’ ny tsy fahamarinana rehetra;

42 Mba ho amin’ ny alalany no hahazoana “mamony ny rehetra izay efa napetraky ny Ray ho eo ambany heriny sy efa nohariany;

43 Izy izay mankalaza ny Ray sy mamony ny asan’ ny tanany rehetra afa-tsy ireo zanaky ny fahaverezana izay mandà ny Zanaka taorian’ ny efa nanambaran’ ny Ray Azy.

44 Koa mamony ny rehetra Izy afa-tsy ireo — ireo dia handeha ho any amin’ ny “famaizana ^bmaharitra mandrakizay izay

32a TSM Zanaky ny Fahaverezana.

b F&F 76:26;
Mos. 5:22–26.

34a Mat. 12:31–32.
TSM Mamelona.

35a 2 Pet. 2:20–22;
Almà 39:6.

TSM Fahotana Tsy Ahazoana Famelana.
b Heb. 6:4–6; 1 Ne. 19:7;
F&F 132:27.

36a Fan. 19:20; 20:10; 21:8;
2 Ne. 9:16; 28:23;

Almà 12:16–18;
F&F 63:17.

37a TSM Fahafatesana Ara-panahy.

38a TSM Zanaky ny Fahaverezana.

39a IE voavotra; jereo andininy 38.
Hitsangana amin’ ny maty ny rehetra.
Jereo Almà 11:41–45.
TSM Mamelona.

b TSM Fitsanganana amin’ ny Maty.

d TSM Jesoa Kristy.
40a 3 Ne. 27:13–22.

TSM Filazantsara;
Drafitry ny Fanavotana.

41a TSM Fanomboana.
b Isa. 53:4–12;
Heb. 9:28.

d 1 Jn. 2:1–2.

e TSM Fanamasinana.
f TSM Fanavotana.

42a TSM Famonjena.

44a TSM Fahamelohana.
b F&F 19:6–12.

famaizana tsisy fiafarana, izay famaizana mandrakizay, ka hiara-hanjaka amin' ny ^ddevoly sy ny anjelin' any amin' ny mandrakizay any amin' izay tsy mahafaty ny ^ekankany ary tsy voavono ny afo, izany no fijaliany—

45 Ary na ny ^afiafarany, na ny toerany, na ny fijaliany dia tsy misy olona mahafantatra;

46 Sady tsy nambara izany, no tsy ambara ary tsy hambara amin' olona afa-tsy amin' ireo izay atao mpandray anjara amin' izany;

47 Kanefa Izaho Tompo dia mampiseho izany amin' ny maro amin' ny alalan' ny fahitana saingy manakatona izany avy hatrany indray;

48 Koa ny fiafarany, ny sakany, ny haavony, ny ^ahalaliny ary ny fahoriany dia tsy azony sady tsy misy olona mahazo izany afa-tsy ireo izay ^bvoatendry ho amin' izany ^dfanamelohana izany.

49 Ary renay ny feo, nanao hoe: Soraty ny fahitana fa indro izao no fiafaran' ny fahitana momba ny fijalian' ireo izay olon-dratsy.

50 Ary ankoatra izany, dia vavolombelona manambara

izahay—satria nahita sy nandre izahay, ary izao no ^atenivavolombelon' ny filazantsaran' i Kristy momba ireo izay hivoaka amin' ny ^bfitsanganan' ny marina amin' ny maty—

51 Izy ireo no ireo izay nandray ny tenivavolombelon' i Jesoa sy ^anino ny anarany ary ^bnatao batisa araka ny ^dfomban' ny fandevenana Azy, rehefa ^enalevina tao anaty rano tamin' ny anarany, ary izany dia araka ny didy izay efa nomeny—

52 Mba ho amin' ny fitandremana ny didiny no hahazoana ^amanasa sy ^bmanadio azy ireo amin' ny fahotany rehetra, ka handray ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahana ^dtanana ilay ^eatokana sy fehezina ho amin' izany ^fhery izany;

53 Ary izay mandresy amin' ny finoana sy ^afehezin' ny ^bFanahy Masin' ny fampanantenana izay alatsaky ny Ray amin' ireo rehetra izay mahitsy sy marina.

54 Dia izy ireo no ireo izay fiangonan' ny ^aLahimatoa.

55 Izy ireo no ireo izay eo antanany no efa nanomezan' ny Ray ny ^azava-drehetra.

56 Izy ireo no ireo izay ^ampisorona sy mpanjaka, izay efa nan-

44d TSM Devoly.

e Isa. 66:24;

Mar. 9:43-48.

45a F&F 29:28-29.

48a Fan. 20:1.

b IE nohelohina, nosaziana.

d Almà 42:22.

50a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

51a F&F 20:25-27, 37.

b TSM Batisa.

d F&F 128:13.

e Roma. 6:3-5.

TSM Batisa—Batisa asitrika.

52a 2 Ne. 9:23;

Môrô. 8:25-26.

b TSM Madio.

d TSM Fanomezana ny Fanahy Masina; Fametrahana-tanana.

e TSM Manokana.

f TSM Fahefana.

53a TSM Famehezana.

b Ef. 1:13;

F&F 88:3-5.

TSM Fanahy Masin' ny Fampanantenana.

54a Heb. 12:23;

F&F 93:21-22.

TSM Lahimatoa.

55a 2 Pet. 1:3-4;

F&F 50:26-28;

84:35-38.

56a Eks. 19:6;

Fan. 1:5-6; 20:6.

dray avy amin' ny fahafenoany sy avy amin' ny voninahiny;

57 Ary "mpisoron' ny Avo Indrindra, araka ny lamin' i Melkizedeka, izay araka ny lamin' i ^bEnoka, izay araka ny ^dlamin' ny Zanaka Lahitokana.

58 Koa, toy izay voasoratra, dia "andriamanitra izy ireo, dia ^bzanakalahin' ^dAndriamanitra —

59 Koa ny "zava-drehetra dia azy ireo, na fiainana, na fahafatesana, na ireo zavatra ankehitriny, na ireo zavatra ho avy, ny rehetra dia azy ireo ary izy ireo dia an' i Kristy ary i Kristy dia an' Andriamanitra.

60 Ary "handresy ny zava-drehetra izy ireo.

61 Koa aoka tsy hisy olona hanao olona ho "reharehany, fa aoka kosa izy hanao an' Andriamanitra ho ^breharehany, izay ^dhampanaiky ny fahavalo rehetra ho eo ambanin' ny tongony.

62 Ireny no "hitoetra eo ^banatrehan' Andriamanitra sy

i Kristiny mandrakizay mandrakizay.

63 Ireny no "ireo izay hoentiny hiaraka Aminy, rehefa ho ^bavy eny amin' ny rahona Izy mba ^dhanjaka amin' ny olony etỳ an-tany.

64 Ireny no ireo izay hanana anjara amin' ny "fitsanganana voalohany amin' ny maty.

65 Ireny no ireo izay hivoaka amin' ny "fitsanganan' ny marina amin' ny maty.

66 Ireny no ireo izay efa mby eo "an-Tendrombohitra ^bZiona sy ao an-tanànan' ilay Andriamanitra velona, ilay toerandanitra, ny masina indrindra amin' ny rehetra.

67 Ireny no ireo izay efa lasa naman' ireo anjely tsy omby alinalina, ao amin' ny fihaonambe sy ny fiangonan' i ^bEnoka, ary ny an' ny ^bLahimatoa.

68 Ireny no ireo izay "voasoratra any an-danitra ny anarany, izay Andriamanitra sy i Kristy no ^bmpitsaran' ny rehetra.

57a TSM Mpisorona,
Fisoronana
Melkizedeka.
b Gen. 5:21–24.
TSM Enoka.
d F&F 107:1–4.
58a Sal. 82:1, 6;
Jao. 10:34–36.
TSM Olona—Olona,
manan-kery ho
tonga tahaka ny Ray
any an-danitra.
b TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin'
Andriamanitra.
d F&F 121:32.
TSM Andriamanitra.
59a Lio. 12:42–44;
3 Ne. 28:10;

F&F 84:36–38.
60a Fan. 3:5; 21:7.
61a Jao. 5:41–44;
2 Tan. 3:21–23.
b 2 Ne. 33:6;
Almà 26:11–16.
TSM Voninahitra.
d F&F 49:6.
62a Sal. 15:1–3; 24:3–4;
1 Ne. 15:33–34;
Mos. 6:57.
b F&F 130:7.
TSM Fiainana
Mandrakizay.
63a F&F 88:96–98.
TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.
b Mat. 24:30.
d F&F 58:22.

TSM Jesoa Kristy—
Fanjakan' i Kristy
amin' ny Arivotaona.
64a Fan. 20:6.
65a TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.
66a Isa. 24:23;
Heb. 12:22–24;
Fan. 14:1;
F&F 84:2; 133:56.
b TSM Ziona.
67a F&F 45:9–12.
b Heb. 12:23;
F&F 76:53–54.
TSM Lahimatoa.
68a TSM Bokin' ny
Fiainana.
b TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

69 Ireny no ireo izay “olona marina natao ^bfanaperana tamin’ ny alalan’ i Jesoa, ilay mpanalalan’ ny ^dfanekempihavanana vaovao, izay nanatontosasa ity ‘sorompanavotana fanaperana ity tamin’ ny alalan’ ny fandatsahana ny ^frany ihany.

70 Ireny no ireo izay “selestialy ny vatany, izay ny an’ ny ^bmasoandro ny ^dvoninahiny, dia ny voninahitr’ Andriamanitra, ny avo indrindra amin’ ny rehe-tra, voninahitra izay voasoratra fa toy ny masoandron’ ny habakabaka ny karazany.

71 Ary ankoatra izany, dia nahita ny tontolo “terestrialy izahay, ary indro ka jereo, ireo no ireo izay anisan’ ny terestrialy, ka ny voninahiny dia samy hafa amin’ ny an’ ny fiangonan’ ny Lahimatoa izay efa nandray ny fahafenoan’ ny Ray, dia tahaka ny an’ ny ^bvolana izay samy hafa amin’ ny an’ ny masoandro eny amin’ ny habakabaka.

72 Indro, ireo no ireo izay maty “tsy nisy ^blalàna;

73 Ary koa ireo izay “fanahin’ ny olona notanana ^ban-tranomaizina, izay novangian’ ny Zanaka, ka ^dnitoriany ny ^efilazantsara mba ho azo tsaraina

araka ny olona ao amin’ ny nofo izy ireo;

74 Izay tsy nandray ny “tenivavolombelon’ i Jesoa tao amin’ ny nofo, saingy nandray izany tatỳ aoriana.

75 Ireo no ireo izay olombanona teto an-tany, izay nohambain’ ny fanitahan’ ny olona.

76 Ireo no ireo izay mandray amin’ ny voninahiny saingy tsy mandray amin’ ny fahafenoany.

77 Ireo no ireo izay mandray amin’ ny maha-eo ny Zanaka, saingy tsy mandray amin’ ny fahafenoan’ ny Ray.

78 Koa “vatana terestrialy ireo fa tsy vatana selestialy, ary hafa ny voninahiny, tahaka ny mahahafa ny volana amin’ ny masoandro.

79 Ireo no ireo izay tsy “maherifo amin’ ny tenivavolombelon’ i Jesoa; koa tsy mahazo ny satroboninahitry ny fanjakan’ Andriamanitsika ireo.

80 Ary ankehitriny dia izany no fiasaran’ ny fahitana izay hitanay momba ny terestrialy izay nandidian’ ny Tompo anay hosoratana, raha mbola notsindrian’ ny Fanahy izahay.

81 Ary ankoatra izany dia nahita ny voninahitry ny “telestialy izahay, dia voninahitra izay

69a F&F 129:3; 138:12.

b Môrô. 10:32–33.

d TSM Fanekempihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizay.

e TSM Sorompanavotana.

f TSM Ra.

70a F&F 88:28–29;

131:1–4; 137:7–10.

TSM Voninahitra

Selestialy.

b Mat. 13:43.

d F&F 137:1–4.

71a F&F 88:30.

TSM Voninahitra Terestrialy.

b 2 Tan. 15:40–41.

72a F&F 137:7, 9.

b TSM Lalàna.

73a Almà 40:11–14.

TSM Fanahy.

b F&F 88:99; 138:8.

TSM Helo; Famonjena ho an’ ny Maty.

d 1 Pet. 3:19–20; 4:6; F&F 138:28–37.

e TSM Filazantsara.

74a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

78a 2 Tan. 15:40–42.

79a F&F 56:16.

81a F&F 88:31.

TSM Voninahitra Telestialy.

ambany, dia tahaka ny mahaha-
fa ny voninahitr' ireo kintana
amin' ny voninahitry ny volana
eny amin' ny habakabaka.

82 Ireo no ireo izay tsy mandray
ny filazantsaran' i Kristy sy ny
"tenivavolombelon' i Jesoa.

83 Ireo no ireo izay tsy nandà
ny Fanahy Masina.

84 Ireo no ireo izay atsipy any
amin' ny "helo.

85 Ireo no ireo izay tsy havo-
tana amin' ny "devoly mandra-
pahatongan' ny fitsanganana
amin' ny maty ^bfarany, mandra-
pahavitan' ny Tompo, dia i
Kristy ilay ^dZanakondry ny
asany.

86 Ireo no ireo izay tsy man-
dray ny amin' ny fahafenoany
any amin' ny tontolon' ny man-
drakizay, fa mandray ny amin'
ny Fanahy Masina amin' ny
alalan' ny fanompoan' ny te-
restrialy;

87 Ary ny terestrialy amin'
ny alalan' ny "fanompoan' ny
selestialy.

88 Ary ny telestially koa dia
mandray izany amin' ny alalan'
ny fanompoan' ny anjely izay
voatendry hiahy azy ireo, na
izay voatendry ho fanahy mpia-
hy azy ireo; fa izy ireo dia ho
mpandova ny famonjena.

89 Ary dia toy izany no nahi-
tanay, tao amin' ny fahitana
avy any an-danitra, ny vonina-
hitry ny telestially izay manoa-

tra noho ny fahatakaran' ny
saina rehetra;

90 Ary tsy misy olona mahafan-
tatra izany afa-tsy izay nanam-
baran' Andriamanitra izany.

91 Ary dia toy izany no nahi-
tanay ny voninahitry ny teres-
trialy izay manaoatra noho ny
voninahitry ny telestially amin'
ny zava-drehetra, dia amin' ny
voninahitra sy amin-kery ary
amin' ny tanjaka sy amin' ny
fanapahana.

92 Ary dia toy izany no nahi-
tanay ny voninahitry ny seles-
tially izay manaoatra noho ny
zava-drehetra—izay anjakan'
Andriamanitra, dia ny Ray, eo
amin' ny seza fiandrianany
mandrakizay mandrakizay;

93 Eo anoloan' ny seza fian-
drianany izay iankohofan' ny
zava-drehetra amin' ny "fana-
jana feno fanetren-tena, ary ano-
mezany voninahitra Azy man-
drakizay mandrakizay.

94 Ireo izay mitoetra eo "ana-
trehany no fiangonan' ny ^bLa-
himatoa; ary mahita izy ireo
tahaka ny ahitana azy ireo, ary
^dmahafantatra izy ireo tahaka
ny ahafantarana azy ireo rehefa
mandray tamin' ny fahafenoa-
ny sy tamin' ny "fahasoavany;

95 Ary ataony "mitovy izy ireo
amin-kery sy amin' ny tanjaka
ary amin' ny fanapahana.

96 Ary iray ny voninahitry
ny selestially dia tahaka ny

82a F&F 138:21.

84a 2 Ne. 9:12;

Almà 12:11.

TSM Helo.

85a TSM Devoly.

b Almà 11:41;

F&F 43:18; 88:100-101.

d TSM Zanakondrin'

Andriamanitra.

87a F&F 138:37.

93a TSM Fanajana.

94a F&F 130:7.

b TSM Lahimatoa.

d 2 Tan. 13:12.

e TSM Fahasoavana.

95a F&F 29:13; 78:5-7;

84:38; 88:107; 132:20.

mahairay ny voninahitry ny ^amasoandro.

97 Ary iray ny voninahitry ny terrestrially, tahaka ny mahairay ny voninahitry ny volana.

98 Ary iray ny voninahitry ny telestially, tahaka ny mahairay ny voninahitry ny kintana; fa tahaka ny kintana anankiray hafa voninahitra noho ny kintana anankiray, dia hafa voninahitra ny anankiray noho ny anankiray ao amin' ny tontolo telestially;

99 Fa ireny no ireo izay an' i ^aPaoly sy an' i Apôlôsy ary an' i Kefasy.

100 Ireny no ireo izay milaza fa izy ireo dia an' ny anankiray ary ny sasany dia an' ny iray hafa—ny sasany an' i Kristy ary ny sasany an' i Jaona, ary ny sasany an' i Mosesy, ary ny sasany an' i Elià, ary ny sasany an' i Esaia, ary ny sasany an' i Isaia, ary ny sasany an' i Enoka;

101 Nefa tsy noraisiny ny filazantsara, na ny tenivavolombelon' i Jesoa, na ireo mpaminany, na ny ^afanekempihavanana maharitra mandrakizay.

102 Farany indrindra, dia ireny no ireo izay tsy hiara-hangonina amin' ny olomasina mba ^ahakarina ho ao amin' ny ^bfiangonan'

ny Lahimatoa ary horaisina eny amin' ny habakabaka.

103 Ireny no ^aireo izay ^bmpan-dainga sy mpanompo sampy sy ^dmpanitsakitsa-bady sy mpi-jangajanga ary izay rehetra tia sy manao lainga.

104 Ireny no ireo izay miaritra ny ^afisafoahan' Andriamanitra etỳ an-tany.

105 Ireny no ireo izay miaritra ny ^afamalian' ny afo mandrakizay.

106 Ireny no ireo izay atsipany amin' ny ^ahelo sy ^bmiaritra ny fisafoahan' Andriamanitra ^aTsitoha ambara-pahatongan' ny ^efotoam-pahafenoana, rehefa avy ^fmampanaiky ny fahavalo rehetra ho eo ambany tongony i Kristy ary ^gnanatanteraka ny asany;

107 Rehefa hanolotra ny fanjakana Izy ary hanome ny Ray izany, tsisy pentina, hanao hoe: Efa nandresy Aho ary efa ^ananosihosy irery ny ^bfamiazam-boaloboka, dia ny famiazam-boaloboky ny firehetan' ny fisafoahan' Andriamanitra Tsitoha.

108 Amin' izay dia hosatrohina ny satroboninahitry ny voninahiny Izy ka hipetraka eo amin' ny ^aseza fiandrianan' ny heriny mba hanjaka mandrakizay mandrakizay.

96a 2 Tan. 15:40–41.

99a 2 Tan. 3:4–7, 22.

101 *atSM*

Fanekempihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizay.

102 a1 Tes. 4:16–17;

F&F 88:96–98.

b F&F 78:21.

103 *a*Fan. 21:8;

F&F 63:17–18.

b *TSM* Lainga.

d *TSM* Fanitsakitsahambady.

104 *atSM* Fahamelohana.

105 *a*Joda 1:7.

106 *atSM* Helo.

b F&F 19:3–20.

d F&F 87:6.

e Ef. 1:10.

f 2 Tan. 15:24–28.

g Heb. 10:14.

107 *a*Fan. 19:15;

F&F 88:106;

133:46–53.

b Gen. 49:10–12;

Isa. 63:1–3.

108 *a*F&F 137:3.

109 Nefa indro, ka jereo, nahi-
ta ny voninahitry ny mponin’
ny tontolo telestially izahay, fa
izy ireo dia tsy omby alinalina
tahaka ny kintana eny amin’
ny habakabaky ny lanitra na
tahaka ny fasika eny amoron-
dranomasina;

110 Ary nandre ny feon’ ny
Tompo nanao hoe: Ireo rehetra
ireo dia hampilefitra ny lohali-
ny, ary ny lela rehetra dia “ha-
naiky ilay mipetraka eo amin’
ny seza fiandrianana mandra-
kizay mandrakizay;

111 Fa izy ireo dia hotsaraina
araka ny asany, ary ny olona
tsirairay dia handray araka ny
“asany avy, ny fanapahany ao
amin’ ireo ^bfitoerana izay efa
voaomana;

112 Ary ho mpanompon’ ny
Avo Indrindra izy ireo; saingy
any amin’ “izay ^bitoeran’ An-
driamanitra sy i Kristy dia tsy
azony aleha, tontolo tsisy fiafa-
rana.

113 Izay no fiafaran’ ny fahita-
na izay hitanay, izay nandidia-
na any hosoratana raha mbola
notsindrian’ ny Fanahy izahay.

114 Saingy “lehibe sy mahata-
lanjona ny asan’ ny Tompo,

mbamin’ ireo ^bmisterin’ ny fan-
jakany izay nasehony anay, izay
manoatra noho ny fahatakarana
rehetra amin’ ny voninahitra
sy amin’ ny hery ary amin’ ny
fanapahana;

115 Izay nandidiany anay tsy
hosoratana raha mbola notsin-
drian’ ny Fanahy izahay, ary
tsy “azon’ ny olona tenenina;

116 Sady tsy “vitan’ ny olona
ny mampahafantatra azy ireny,
satria izy ireny dia tsy natao ho
hita sy ^bhotakarina afa-tsy amin’
ny alalan’ ny herin’ ny Fanahy
Masina izay atolotr’ Andria-
manitra ho an’ ireo izay tia Azy
ary manadio ny tenany eo
anoloany;

117 Izay omeny izany tom-
bontsoa hahita sy hahafantatra
ho an’ ny tenan’ izy ireo izany;

118 Mba ho amin’ ny alalan’ ny
hery sy ny fanehoana ny Fana-
hy, raha mbola ao amin’ ny nofo
izy ireo, no hahatantesan’ izy
ireo ny fanatrehana Azy ao amin’
ny tontolon’ ny voninahitra.

119 Ary ho an’ Andriamanitra
sy ny Zanakondry anie ny
voninahitra, ny laza ary ny fa-
napahana mandrakizay man-
drakizay. Amena.

FIZARANA 77

*Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio
ny volana Martsa 1832 (History of the Church, 1:253–255). Nanora-
tra ny Mpaminany hoe: “Misy ifandraisany amin’ ny fandikana ny*

110 aFilip. 2:9–11;
Môsîà 27:31.

111 aFan. 20:12–13.
TSM Asa.
b Jao. 14:2;
F&F 59:2; 81:6.

112 aF&F 29:29.
b Fan. 21:23–27.

114 aFan. 15:3;
Môrm. 9:16–18;
Mos. 1:3–5.
b Jakôba 4:8.

115 a2 Kor. 12:4.
116 a3 Ne. 17:15–17;
19:32–34.
b 2 Tan. 2:10–12.

Soratra Masina izao fanazavana noraisiko manaraka izao, izay momba ny Fanambaran' i Masindahy Jaona" (History of the Church, 1:253).

1-4, Ny fananan' ny biby fanahy sy ny honenany ao amin' ny fahasambarana mandrakizay eo amin' ny tany tsy mety maty; 5-7, Efa 7000 taona ny taom-piainan' ity tany ity; 8-10, Famerenan' ireo anjely samihafa indray ny filazantsara sy ny fanompoana eto an-tany; 11, Ny fanisiana tombo-kase an' ireo 144000; 12-14, Ho avy i Kristy any amin' ny fiandohan' ny arivo taona fahafito; 15, Hatsangana ireo mpaminany roa ho an' ny firenena Jiosy.

F. Inona ilay "ranomasina fitaratra voalazan' i Jaona ao amin' ny toko faha-4 ary andininy faha-6 ao amin' ny Fanambarana?

V. Io ny ^btany amin' ny toetra-ny ny nohamasinina, tsy mety maty ary ^amandrakizay.

2 F. Inona no tian-kolazaina amin' ireo biby efatra voalazan' io toko io ihany?

V. Ireo dia ^afanehoana an-tsary nampiasain' i Jaona Mpanambara mba hilazalazana ny ^blanitra, ny ^dparadisan' Andriamanitra, ny ^ffasambaran' ny olona sy ny an' ny biby ary ny an' ny zava-mandady sy ny an' ny voro-mandidin' ny habakabaka; izay zavatra ara-panahy dia sarin' izay ara-nofo; ary izay ara-nofo dia

sarin' izay ara-panahy; ny ^ffanahin' ny olona dia araka ny sarin' izany olona izany, tahaka izany koa ny fanahin' ny ^sbiby sy ny an' ny zava-boary hafa rehetra izay noharian' Andriamanitra.

3 F. Moa va ireo biby efatra maneho fotsiny ny sarin' ny biby tsirairay, sa moa izy ireo maneho sokajy na antoko?

V. Izy ireo dia maneho fotsiny ny sarin' ny biby tsirairay efatra izay naseho an' i Jaona, mba haneho ny voninahitry ny sokajin' ny manan'aina ao amin' ny lamina voalahatra na ny ^asehatry ny fahariana azy, ao amin' ny fankafizany ny ^bhasambara-na mandrakizay.

4 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny maso sy ny elatra izay nananan' ireo biby?

V. Ny masony dia enti-maneho ny fahazavana sy ny ^afahalalana, izany hoe, feno fahalalana izy ireo; ary ny elany dia enti-maneho ny ^bhery hihetsehana, hanaovana, etsetra.

5 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny ^aloholona efatra amby roapolo voalazan' i Jaona?

V. Tokony ho fantatsika fa ireo loholona izay hitan' i Jaona ireo dia loholona izay efa ^bnahatoky tamin' ny asa fanompoana ary nodimandry; izay

77 1a F&F 130:6-9.

b F&F 88:17-20, 25-26.

d TSM Tany—Toetra faran' ny tany;
Voninahitra
Selestialy.

2a TSM Fanehoana an'

Ohatra.

b TSM Lanitra.

d TSM Paradisa.

e TSM Fifaliana.

f Etera 3:15-16;

Abr. 5:7-8.

TSM Fanahy.

g Mos. 3:19.

3a F&F 93:30; Mos. 3:9.

b F&F 93:33-34.

4a TSM Fahalalana.

b TSM Hery.

5a Fan. 4:4, 10.

b Fan. 14:4-5.

anisan' ny ^dfiangonana fito ary tao am-paradisan' Andriamanitra tamin' izay.

6 F. Inona no tian-kolazaina momba ilay boky izay hitan' i Jaona "voafehy tamin' ny tombon-kase fito ny vohony?

V. Tokony ho fantatsika fa iza ny dia mirakitra ny sitrapo, ny ^bmistery ary ny asan' Andriamanitra voambara; ny zavatra miafina momba ny fitantanany ity ^dtany ity nandritra ny fito arivo taona naharetany, na fotoam-pisiany.

7 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny tombon-kase fito izay namehezana azy?

V. Tokony ho fantatsika fa ny tombon-kase voalohany dia mirakitra ny zavatra ny "arivo taona voalohany, fa ny faharoa dia ny arivo taona faharoa, ary dia toy izany hatrany mandra-pahatonga any amin' ny fahafito.

8 F. Inona no tian-kolazaina amin' ireo anjely efatra voalaza ao amin' ny toko faha-7 ary andininy voalohany ao amin' ny Fanambarana?

V. Tokony ho fantatsika fa ireo no anjely efatra nirahina avy tamin' Andriamanitra, izay omenkery amin' ny vazan-tany efatra, mba hamonjy na hahavery aina; ireny no ireo izay manana ny "filazantsara maharitra mandrakizay hotoriana amin' ny firenena, ny foko, ny samy hafa fiteny

ary ny mponina rehetra; sady manan-kery handrindrina ny lanitra, hampifamehy ho amin' ny fiainana na hanipy any amin' ny ^bfaritry ny haizina.

9 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny hoe nisy anjely niakatra avy any atsinanana, ao amin' ny Fanambarana toko faha-7 ny andininy faha-2?

V. Tokony ho fantatsika fa ny anjely niakatra avy any atsinanana dia izy ilay omena ny fanombohan-kasen' Andriamanitra velona amin' ny fokon' i "Isiraely roa ambin' ny folo; koa niantso ny anjely efatra izay nana ny filazantsara maharitra mandrakizay izy, nanao hoe: Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo mandrapanisinay tombo-kase ny mpanompon' Andriamanitsika eo amin' ny ^bhandriny. Ary raha mety mandray ianareo dia izy no "Elià izay ho avy mba hanangona miaraka ny firenen' i Isiraely sy ^ehamerina indray ny zava-drehetra.

10 F. Inona no fotoana hahatanteraka ny zavatra voalaza ao amin' ity toko ity?

V. Ireo dia ho tanteraka amin' ny "arivo taona fahenina na amin' ny fanokafana ny tombo-kase fahenina.

11 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny fanisiana tombo-kase ny "efatra arivo sy efatra alina

5d Fan. 1:4.
6a Fan. 5:1.
b TSM Misterin' Andriamanitra.
d TSM Tany.
7a F&F 88:108-110.

8a Fan. 14:6-7.
b Mat. 8:11-12; 22:1-14; F&F 133:71-73.
9a Fan. 7:4-8.
b Ezek. 9:4.
d TSM Elià.

e TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.
10a Fan. 6:12-17.
11a Fan. 14:3-5.

sy iray hetsy avy amin' ny firenen' i Isiraely rehetra — roa arivo sy iray alina isaky ny firenena tsirairay?

V. Tokony ho fantatsika fa ireo izay voaisy toambo-kase dia ^bmpisorona avo, natokana ho amin' ny lamina masin' Andriamanitra, mba hitantana ny filazantsara maharitra mandrakizay; satria ireo no ireo izay natokana avy tamin' ny firenena, ny foko, ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra, tamin' ny alalan' ny anjely izay omenkery amin' ny firenena eto antany, mba hitondra izay rehetra te hanatona, ho ao amin' ny fiangonan' ny ^dLahimatoa.

12 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny hoe fanenon' ny ^atrompetra voalaza ao amin' ny toko faha-8 ao amin' ny Fanambarana?

V. Tokony ho fantatsika fa tahaka ny nanaovan' Andriamanitra izao tontolo izao tao anatin' ny enina andro, ary tamin' ny andro fahafito dia namita ny asany Izy ary ^bnana-masina izany, ary namorona koa ny olona avy tamin' ny ^dvovotany, dia tahaka izany koa, amin' ny fiandohan' ny arivo taona fahafito no ^ehanamasinan' ny Tompo Andriamanitra ny tany ary hamaranany ny famonjena ny olona sy ^fhitsarany ny zava-drehetra ary ^ghanavotany

ny zava-drehetra afa-tsy ireo izay tsy napetrany ho eo amin' ny heriny, rehefa avy nasiany toambo-kase ny zava-drehetra, ho fiasaran' ny zava-drehetra; ary ny fanenon' ny trompetran' ireo anjely fito dia fanomanana sy famaranana ny asany, amin' ny fiandohan' ny arivo taona fahafito — fanomanana ny lalana mialohan' ny fotoana hiaviany.

13 F. Rahoviana no ho tanteraka ireo zavatra izay voasoratra ao amin' ny toko faha-9, ao amin' ny bokin' ny Fanambarana?

V. Ireo dia ho tanteraka aorian' ny fanokafana ny toambo-kase fahafito, mialohan' ny fiavian' i Kristy.

14 F. Inona no tian-kolazaina momba ilay boky kely izay ^anohanin' i Jaona, araka ny voalaza ao amin' ny toko faha-10 ao amin' ny Fanambarana?

V. Tokony ho fantatsika fa asa anirahana sady ôrdônansy ho azy ny ^bfanangonana ny firenen' i Isiraely; indro, izy no Elià izay tsy maintsy ho avy araka ny voasoratra ary ^dhamerina indray ny zava-drehetra.

15 F. Inona no tian-kolazaina amin' ny hoe ^avavolombelona roa, ao amin' ny toko fahiraika ambin' ny folon' ny Fanambarana?

V. Izy ireo dia mpaminany roa izay hatsangana ho an' ny fire-

11b TSM Mpisorona Avo.
d F&F 76:51-70.

TSM Lahimatoa.

12a Fan. 8:2.

b Gen. 2:1-3;

Eks. 20:11; 31:12-17;

Môsîa 13:16-19;

Mos. 3:1-3;

Abr. 5:1-3.

d Gen. 2:7.

e F&F 88:17-20.

f TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

g TSM Fanavotana.

14a Ezek. 2:9-10; 3:1-4;
Fan. 10:10.

b TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

d Mat. 17:11.

15a Fan. 11:1-14.

nena ^bJiosy amin' ny ^dandro farany, amin' ny fotoan' ny ^efamerenana ho amin' ny laoniny, ary haminany ho an' ny Jiosy

rehefa voangona izy ireo sady avy nanorina ny tanànan' i Jerosalema eo amin' ny ^ftanin' ny razany.

FIZARANA 78

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Martsa 1832 (History of the Church, 1:255-257). Nomen' ny Tompo baiko i Joseph Smith mba hanangana trano fitehirizana ho an' ny mahantra. Tsy dia niriana mandrakariva ny hahafantaran' izao tontolo izao ireo olona izay nitenenan' ny Tompo tao amin' ireo fanambarana; koa tamin' ny famoahana ity fanambarana ity sy ireo sasantsasany tatỳ aoriana, dia notondroina tamin' ny anarana hafa fa tsy ny azy ireo rahalahy. Rehefa tsy nilaina intsony ny fitanana ny anaran' ireo olona tsy ho fantatra, dia nomena anaty fononteny ny tena anarany hatramin' izay. Koa satria tsy zava-dehibe ilaina intsony ankehitriny ny anohizana ireo anara-miafina, dia ny tena anarana ihany ankehitriny no ampiasaina etoana araka izay hita ao amin' ny sora-tanana fototra.

1-4, Tokony hanangana sy hanorina trano fitehirizana ny Olomastina; 5-12, Ny fampiasany ny fananany amin-pahendrena dia hitondra azy any amin' ny famonjena; 13-14, Tokony tsy hiankina amin' ireo fahefana eto an-tany ny Fiangonana; 15-16, Nanompo teo ambany fahefan' ny Iray Masina (i Kristy) i Mikaela (i Adama); 17-22, Sambatra ny mahatoky fa izy no handova ny zava-drehetra.

NITENY tamin' i Joseph Smith zanany ny Tompo, nanao hoe: Mihainoa Ahy, hoy ny Tompo Andriamanitrareo, ianareo izay voatokana ho amin' ny "fisoronana avo amin'

ny fiangonako, izay efa niara-tafavory;

2 Ary henoy ny "torohevitry" ilay efa ^bnanokana anareo avy any ambony, izay hiteny eo antsofinareo ny tenin' ny fahendrena, mba hahazo famonjena ianareo amin' ity zavatra efa narononareo ho eo anoloako ity, hoy ny Tompo Andriamanitra.

3 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, efa tonga ny fotoana ary efa antomotra izany; ary indro ka jereo, tsy maintsy ilaina ny hisian' ny "fandaminana ny vahoakako amin' ny fandrin-drana sy fiandraiketana ny raharahan' ny ^btrano fitehirizana ho an' ny "mahantra amin' ny vahoakako,

15b TSM Jiosy.
d TSM Andro Farany.
e TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

f Amo. 9:14-15.
78 1a TSM Fisoronana Melkizedeka.
2a TSM Torohevitry.
b TSM Manokana.

3a F&F 82:11-12, 15-21.
b F&F 72:9-10; 83:5-6.
d F&F 42:30-31.
TSM Asa
Fanasoavana.

na ao amin' ity toerana ity na any an-tanin' i ^eZiona —

4 Ho fandaminana sy rafitra mateza sy maharitra mandrakizay ho an' ny fiangonako mba hampandroso ny foto-kevitra izay efa nirotsahanareo ho famonjena ny olona, sy ho voninahitry ny Rainareo izay any an-danitra;

5 Ka hahatonga anareo ^ahitovy amin' ny famatoran' ny zavatra any an-danitra, eny, ary ny zavatra etỳ an-tany koa, mba hahazoana ny zavatra any an-danitra.

6 Fa raha tsy mitovy ianareo amin' ny zavatra etỳ an-tany, dia tsy afaka ny hitovy ianareo amin' ny fahazoana ny zavatra any an-danitra;

7 Fa raha tianareo ny hanomezako anareo toerana ao amin' ny ^atontolo selestialy, dia tsy maintsy ^bmanomana ny tenananareo ianareo amin' ny ^afanaovana ny zavatra izay efa nandidiako anareo ary notakiako taminareo.

8 Ary ankehitriny, dia toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo, ilaina ny hanaovana ny zava-drehetra ho ^avoninahitra, amin' ny alalanareo izay miora-mikambana ao amin' ity ^brafitra ity;

9 Na amin' ny teny hafa, aoka i Newel K. Whitney mpanompoko sy i Joseph Smith zanany mpanompoko ary i Sidney

Rigdon mpanompoko hiaramidinka amin' ireo olomasina izay ao i Ziona;

10 Fa raha tsy izany, dia mikatsaka ny hampihodina ny fony hiala amin' ny fahamarinana i ^aSatana ka hahatonga azy ireo ho jamba ary tsy hahatakatra ny zavatra izay voaomana ho azy ireo.

11 Koa didy no omeko anareo mba hiomananareo sy handaminanareo ny tenanareo amin' ny alalan' ny fifamatorana na ny ^afanekempihavanana maharitra mandrakizay izay tsy azo ravana.

12 Ary izay mandrava izany dia hamery ny anjara fanompoany sy ny toerany ao amin' ny fiangonana ary hatolotra ho amin' ny ^afampijalian' i Satana mandra-pahatongan' ny andro fanavotana.

13 Indro izany no fanomanana izay anomanako anareo ary ny fanorenana sy ny fianarana izay omeko anareo, izay ahazoanareo manatontosa ny didy izay omena anareo;

14 Mba ho amin' ny alalan' ny fitondrako, na dia eo aza ny ^afahoriana izay hanjo anareo, no hahazoan' ny fiangonana mijoro ho mahaleotena ambonin' ireo voary hafa rehetra ambanin' ny tontolo selestialy;

15 Mba hahatrarananareo ny ^asatroboninahitra voaomana ho

3e F&F 57:1-2.

5a F&F 49:20.

TSM Manokana.

7a TSM Voninahitra
Selestialy.

b F&F 29:8; 132:3.

d F&F 82:10.

8a Mos. 1:39.

b F&F 92:1.

10a TSM Devoly.

11a TSM Fanekempihavanana.

12a 2 Tan. 5:5;

F&F 82:21; 104:8-10.

14a F&F 58:2-4.

15a TSM Satroboninahitra;
Fisandratana.

anareo ary hahatonga anareo ho ^bmpanapaka amin' ireo fanjakana maro, hoy ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin' i Ziona izay efa nandatsaka ny fanorenana an' i ^dAdama-ondia-Amàna;

16 Izay efa nanendry an' i ^aMikaela ho printsinareo ary efa nampijoro ny tongony sy efa nametraka azy ho ambony ary nanome azy ny fanalahidin' ny famonjena, teo ambanin' ny to-rohevitra sy ny fitarihan' ny Iray Masina izay tsy misy fiandohan' andro na fiafaram-piainana.

17 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ianareo dia ankizy madinika ary tsy mbola takatrareo ny halehiben' ireo fitahiana eo an-tanan' ny Ray ary nomaniny ho anareo;

18 Ary tsy ^amahatanty ny zavatra rehetra ianareo ankehitriny; kanefa, matokia fa ^bhitari-

dalana anareo Aho. Anareo ny fanjakana, ary anareo ny fitahiany, ary anareo ny haren' ny ^amandrakizay.

19 Ary izay mandray ny zava-drehetra amin' ny ^afankasitrahana dia hatao be voninahitra; ary ny zavatra ny tany dia hanampy ho azy, avo ^bzato heny, eny, mihoatra aza.

20 Koa ataovy ny zavatra izay efa nandidiako anareo, hoy ny Mpanavotra anareo, dia i ^aAmàna Zanaka izay manomana ny zava-drehetra mialohan' ny ^bhakany anareo;

21 Fa ianareo no ^afiangonan' ny Lahimatoa, ary ^bhakariny ao amin' ny rahona ianareo ary homeny ny olona tsirairay ny anjarany.

22 Ary izay mahatoky sy ^ampitantan-draharaha ^bhendry dia handova ny ^dzava-drehetra. Amena.

FIZARANA 79

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Martsa 1832 (History of the Church, 1:257).

1–4, Nantsoin' ny Mpampionona i Jared Carter mba hitory ny filazantsara.

LAZAIKO aminao marina tokoa fa sitrapoko ny han-

dehanan' i Jared Carter mpampompoko indray ho any amin' ny tany atsinanana, isan-toerana sy isan-tanàna, amin' ny herin' ny ^afanokanana izay efa nanokanana azy, hanambara ny vaovao

15b Fan. 5:10;
F&F 76:56–60; 132:19.
d TSM Adama-Ondia-Amàna.
16a F&F 27:11; 107:54–55.
TSM Adama.
18a Jao. 16:12;
3 Ne. 17:2–3;
F&F 50:40.

b F&F 112:10.
d TSM Fiainana Mandrakizay.
19a Môsià 2:20–21.
TSM Misaotra.
b Mat. 19:29.
20a F&F 95:17.
b 1 Tes. 4:17.
21a F&F 76:53–54.

b F&F 88:96–98.
22a TSM Fitantanandraharaha.
b F&F 72:3–4.
d F&F 84:38.
79 1a F&F 52:38.
TSM Manokana.

mahafalin' ny fifaliana lehibe, dia ny filazantsara maharitra mandrakizay.

2 Ary hirahiko ho eo aminy ny "Mpampionona izay hampiana-tra azy ny fahamarinana sy ny lalana izay hizorany;

3 Ary raha mahatoky izy dia hosatrohako amboara indray.

4 Koa aoka hifaly ny fonao ry Jared Carter mpanompoko, ary aza "matahotra, hoy ny Tomponao, dia i Jesoa Kristy. Amena.

FIZARANA 80

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Martsa 1832 (History of the Church, 1:257).

1–5, Nantsoina i Stephen Burnett sy i Eden Smith hitory amin' ny toerana rehetra nofinidin' izy ireo.

TOY izao marina tokoa no la-zain' ny Tompo aminao ry Stephen Burnett mpanompoko: Mandehana ianao, mandehana ianao mankany amin' izao tontolo izao ary "mitoria ny filazantsara amin' ny olona rehetra tsy manatona ka takatry ny feonao.

2 Ary satria mitady namana ianao, dia homeko anao i Eden Smith mpanompoko.

3 Koa mandehana ianareo ary mitoria ny filazantsarako, na any avaratra, na any atsimo, na any atsinanana, na any andrefana, tsy maninona izany fa tsy mety ho diso lalana ianareo.

4 Koa ambarao ny zavatra izay efa renareo sy inoanareo marina tokoa ary "fantatrareo fa marina.

5 Indro izany no sitrapon' Ilay efa "niantso anareo, ny Mpanavotra anareo, dia i Jesoa Kristy. Amena.

FIZARANA 81

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny volana Martsa 1832 (History of the Church, 1:257–258). Voantso ho mpisorona avo sy ho mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana ny Fisoronana Avo i Frederick G. Williams. Ireo rakitsoratra ara-tantara dia mampiseho fa nony noraisina ity fanambarana ity ny volana Martsa 1832, dia niantso an' i Jesse Gause ho amin' ny anjara fanompoan' ny mpanolotsaina ho an' i Joseph Smith tao amin' ny Fiadidiana izany. Kanefa rehefa tsy nitozo ny fahavarany tamin' io antso io dia nomena an' i Frederick G. Williams ilay antso tatỳ aoriana. Tokony horaisina ho toy ny dingana mankany amin' ny fananganana ny

2a Jao. 14:26.
TSM Mpampionona.
4a F&F 68:5–6.

80 1a Mar. 16:15.
4a TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.

5a TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra.

Fiadidiana Voalohany araka ny fitsipika ilay fanambarana (mitondra ny datin' ny volana Martsa 1832) izay niantso manokana ho amin' ny anjara fanompoan' ny mpanolotsaina eo amin' izany Fiadidiana izany, sady nanazava ny halehiben' ilay fanendrena. Nanompo nandritra ny fotoana fohy ny Rahalahy Gause saingy nesorina tsy ho mpikambana amin' ny Fiangonana izy ny volana Desambra 1832. Natokana ho amin' io anjara fanompoana voalaza io ny Rahalahy Williams ny 18 Martsa 1833.

1-2, *Hazonin' ny Fiadidiana Voalohany mandrakariva ireo fanalahidin' ny fanjakana*; 3-7, *Raha mahatoky amin' ny asa fanompoany i Frederick G. Williams dia hanana ny fiainana mandrakizay.*

LAZAIKO aminao marina dia marina tokoa ry Frederick G. Williams mpanompoko: Mihainoa ny feon' ilay miteny, ny tenin' ny Tompo Andriamanitrao, ka henoy ny antso izay iantsoana anao, dia ny ho "mpisorona avo ao amin' ny Fiangonako sy ny ho mpanolotsaina ho an' i Joseph Smith zanany mpanompoko;

2 Izay efa nomeko ireo "fanalahidin' ny fanjakana, izay an' ny ^bFiadidiana ny Fisoronana Avo mandrakariva.

3 Noho izany, dia manaiky azy Aho ary hitahy azy, ary ianao koa raha mahatoky amin' ny torohevitra, amin' ny anjara fanompoana izay efa nanend्रेko anao, amin' ny fivavahana

mandrakariva na amim-peo avo na anakampo, na an-kalamanjana na mitokana, ary koa amin' ny asa fanompoanao, amin' ny fanambarana ny filazantsara amin' ny tanin' ny velona sy eo anivon' ny rahalahinao.

4 Ary amin' ny fanaovana ireny zavatra ireny, dia hanao ny soa lehibe indrindra amin' ny mpiarabelona aminao ianao ary hampitombo ny "voninahitr' Ilay Tomponao.

5 Koa aoka ho mahatoky; sahan' ny anjara fanompoana izay efa nanend्रेko anao; "vonjeo ny osa, akaro ny tanana izay miraviravy ary ^bhatanjaho ny ^dlohalika malemy.

6 Ary raha mahatoky hatramin' ny farany ianao dia hanana ny satroboninahitry ny "tsy fahafatesana sy ny ^bfiainana mandrakizay ao amin' ireo ^dfitoerana izay efa nomaniko ao an-tranon-dRaiko.

7 Indro ka jereo, ireo no tenin' ny Alfa sy ny Omega, dia i Jesoa Kristy. Amena.

81 1a TSM Mpisorona Avo.
2a TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.
b F&F 107:8-9, 22.
TSM Fiadidiana Voalohany.

4a Mos. 1:39.
5a Mōsia 4:15-16.
b F&F 108:7.
d Isa. 35:3.
6a TSM Tsy Fahafatesana.
b TSM Fiainana

Mandrakizay;
Fisandratana.
d Jao. 14:2-3;
F&F 59:2; 106:8.

FIZARANA 82

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri, ny 26 Aprily 1832 (History of the Church, 1:267-269). Izany dia nandritra ny filankevi-dehiben' ny Fiangonana, izay nanohanana an' i Joseph Smith Mpaminany ho Filohan' ny Fisoronana Avo, dia anjara fanompoana izay efa nanokanana azy tany aloha, tamin' ny fihaonamben' ny mpisorona avo, ny loholona ary ny mpikambana tao Amherst, Ohio ny 25 Janoary 1832 (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 75). Anara-miafina no nampiasaina teo aloha tamin' ny famoahana ity fanambarana ity, hanafenana ny anaran' ireo olona voatonona anarana (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 78).

1-4, Be ny hotakiana amin' izay nomena be; 5-7, Manjaka eo amin' izao tontolo izao ny haizina; 8-13, Voafatotra ny Tompo rehefa ataontsika izay lazainy; 14-18, Tsy maintsy mitombo ao amin' ny hatsarana sy ny fahamasinana i Ziona; 19-24, Tokony hokatsahin' ny olona tsirairay ny tombontsoan'ny namany.

LAZAIKO aminareo marina dia marina tokoa ry mpampoko isany, fa araka ny "ifamelanareo ny fahadisoanareo, dia tahaka izany koa no amelako Izaho Tompo anareo.

2 Kanefa dia misy ireo eo anivonareo izay efa nanota izaitsizy tokoa; eny, na dia ianareo "rehetra aza dia samy efa nanota; nefa lazaiko aminareo marina tokoa, mitandrema hatramin' izao, ary fadio ny fahotana fandrao hianjera eo ambony lohanareo ny famaizana mafy.

3 Fa amin' izay omena "be no ^btakiana be; ary izay "manota amin' ny "hazavana lehibe kokoa dia handray fanamelohana lehibe kokoa.

4 Miantso ny anarako ianareo mba hahazo "fanambarana ary omeko anareo izany; ary raha toa ianareo ka tsy mitandrina ny teniko izay omeko anareo, dia manjary mpamadika lalàna ianareo; ary ^bfahamarinana sy fitsarana no famaizana izay mitovana amin' ny lalàko.

5 Koa izay lazaiko amin' ny anankiray dia lazaiko amin' ny rehetra: "Miambena satria manitatra ny fanapahany ny ^bfahavalao ary manjaka ny "haizina;

6 Ary mirehitra amin' ny mpoinin' ny tany ny fahatezeran' Andriamanitra; ary tsy misy manao ny tsara, fa samy efa "nania avokoa ny rehetra.

7 Ary ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho

82 1a Mat. 6:14-15;
F&F 64:9-11.

2a Roma. 3:23.

3a Lio. 12:48;

Jakoba 4:17.

TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

b TSM Fitantanandrahara.

d TSM Apôstazia;
Fahotana.

e Jao. 15:22-24.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

4a TSM Fanambarana.

b TSM Fahamarinana.

5a TSM Mpiambina.

b TSM Devoly.

d TSM Haizim-panahy.

6a Roma. 3:12;

F&F 1:16.

Tompo dia tsy hitana “fahotana aminareo; zory ny lalanareo ary aza manota intsony; fa amin’ ny fanahy izay manota no hive-renan’ ny ^bfahotana taloha, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

8 Ary ankoatra izany, dia lazai-ko aminareo, omeko anareo ny “didy vaovao iray mba hahata-karanareo ny sitrapoko momba anareo;

9 Na amin’ ny teny hafa, omeko anareo ireto toromarika momba ny fomba tokony “hitondranareo tena ao anoloako ireto, mba hahatonga izany ho famonjena anareo.

10 Izaho Tompo dia “voafato-tra rehefa ataonareo izay lazai-ko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampanantenana ianareo.

11 Koa lazaiko aminareo marina tokoa fa ilaina ho an’ ny mpanompoko isany Edward Partridge sy i Newel K. Whitney, i A. Sidney Gilbert sy i Sidney Rigdon, ary i Joseph Smith mpanompoko sy i John Whitmer, ary i Oliver Cowdery sy i William W. Phelps, ary i Martin Harris ny “hiara-hofehezina ao amin’ ny fitantanana-draharahanareo samihafa, amin’ ny alalan’ ny famehezana sy ny fanekep-ihavanana izay tsy azo ravana noho ny fandikan-dalana fa raha tsy izany hanaraka avy hatrany ny famaizana—

12 Mba hitantana ny raharahan’ ny mahantra sy ny zava-drehetra mikasika ny episkopà na any an-tanin’ i Ziona na any an-tanin’ i Kirtland;

13 Fa Izaho efa nanokana ny tanin’ i Kirtland tamin’ ny fotoana nahamety izany Tamiko, mba ho tombontsoan’ny Olo-masin’ ny Avo Indrindra sy ho “tsatòka ho an’ i Ziona.

14 Fa tsy maintsy mitombo ao amin’ ny hatsarana sy ao amin’ ny fahamasinana i Ziona; tsy maintsy halalahina ny sisin-taniny, tsy maintsy hamafisina ny tsatòkany; eny, lazaiko aminareo marina tokoa, tsy maintsy mitsangana i “Ziona ary manao ny ^bfitafiany tsara tarehy.

15 Koa omeko anareo ity didy ity hamehezanareo ny tenanareo amin’ ity fanekep-ihavanana ity, ary izany dia hotanterahina araka ny lalàn’ ny Tompo.

16 Indro, izany dia fahendrena ao Amiko koa ho tombontsoanareo.

17 Ary tsy maintsy “mitovy ianareo, na amin’ ny teny hafa, tsy maintsy manana zo mitovy ianareo amin’ ireo fananana, ho tombontsoan’ny fitantanana ny raharahan’ ny fiandraiketan-draharahanareo, ka ny olona tsirairay dia araka ny tadiaviny sy ny ilainy, raha toa ka marina ny tadiaviny—

18 Ary izany rehetra izany dia

7a TSM Fahotana.
b F&F 1:32–33; 58:43.
8a Jao. 13:34.
9a F&F 43:8.
10a Jos. 23:14;
1 Mpan. 8:23;

F&F 1:38; 130:20–21.
TSM Fitahiana;
Mankatò.
11a F&F 78:3–7, 11–15.
13a Isa. 33:20; 54:2.
TSM Tsaòka.

14a TSM Ziona.
b Isa. 52:1;
F&F 113:7–8.
17a F&F 51:3.
TSM Manokana.

ho tombontsoan'ny fiangonan' Ilay Andriamanitra velona, mba hahazoan' ny olona tsirairay mampitombo ny "talentany, mba hahazoan' ny olona tsirairay mahazo talenta hafa, eny, na dia avo zato heny aza, izay hapetraka ao amin' ny ^btrano fitehirizan' ny Tompo ka hanjary ho fananana iombonan' ny fiangonana manontolo—

19 Ka ny olona tsirairay dia hikatsaka ny tombontsoan'ny namany sy hanao ny zava-drehetra amin' ny "maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra.

20 Izany "lamina izany no efa notendreko ho lamina maharitra mandrakizay ho anareo sy ho an' ny mpandimby anareo, raha toa ka tsy manota ianareo.

21 Ary ny fanahy izay manota

amin' ity fanekempihavanana ity sy manamafy ny fony amin' ny dia hoentina araka ny lalàn' ny fiangonako ary hatolotra ho amin' ny "fampijalian' i Satana mandra-pahatongan' ny andro fanavotana.

22 Ary ankehitriny dia lazaiko aminareo marina tokoa, ary izao dia fahendrena, makà namana amin' ny mamônan' ny tsy fahamarinana, dia tsy hamongotra anareo ireo.

23 Aoka ho Ahy irery ny fitsarana, fa Ahy izany ary Izaho no "hamaly. Ho aminareo anie ny fiadanana; mitoetra aminareo ny fitahiako.

24 Fa efa anareo ny "fanjakana ary ho anareo mandrakizay raha tsy miala amin' ny fiorenanareo tsara ianareo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 83

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Independence, Missouri, ny 30 Aprily 1832 (History of the Church, 1:269–270). Azo ity fanambarana ity raha mbola niara-nivory tamin' ireo rahalahiny ny Mpaminany.

1–4, *Fananan' ny vehivavy sy ny ankizy zo hahazo fanohanana avy amin' ny vadiny sy ny rainy*; 5–6, *Fananan' ny mananotena sy ny kamboty zo hahazo fanohanana avy amin' ny Fiangonana.*

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo, ho fanampin' ny lalàn' ny fiangonana momba ny vehivavy sy ny zaza, ireo izay isan' ny fiangonana, izay efa "namoy ny vadiny sy ny rainy:

18a Mat. 25:14–30;
F&F 60:13.
TSM Fanomezam-
pahasoavana;
Fanomezam-
pahasoavan' ny
Fanahy.
b F&F 42:30–34, 55;

119:1–3.
TSM Trano
Fitehirizana.
19a F&F 88:67.
TSM Maso.
20a TSM Lamina Miray.
21a F&F 104:8–10.
23a Roma. 12:19;

Môrm. 3:15.
24a Lio. 12:32;
F&F 64:3–5.
TSM Fanjakan'
Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.
83 1a Jakoba 1:27.

2 Ny vehivavy dia manana "zo hahazo fanohanana avy amin' ny vadiny, mandra-pa-naisotra ny vadiny; ary raha tsy mpandika lalàna izy ireo dia hanana fihavanana ao am-piangonana.

3 Ary raha tsy mahatoky izy ireo dia tsy hanana fihavanana ao am-piangonana; kanefa dia mahazo mitoetra eo amin' ny lovany izy ireo araka ny lalàn' ny tany.

4 Ny "ankizy rehetra dia manana zo hahazo fanohanana avy amin' ny ray aman-dreniny

mandra-pahatonga azy ireo ho ampy taona.

5 Ary aorian' izany, dia manana zo izy ireo hahazo ny fanohan' ny fiangonana, na amin' ny teny hafa, ny fanohanana avy amin' ny "trano fitehirizan' ny Tompo, raha tsy manana izay omena azy ireo ho lovany ny ray aman-dreniny.

6 Ary ny trano fitehirizana dia hovatsiana amin' ny alalan' ny fanokanana zavatra ho an' ny fiangonana; ary hokarakaraina ny "mananotena sy ny kamboty, mbamin' ny ^bmahantra. Amena.

FIZARANA 84

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio ny 22 sy 23 Septambra 1832 (History of the Church, 1:286-295). Efa nanomboka niverina avy tamin' ny asa fitoriana tamin' ny faritra atsinanana ireo loholona nandritra ny volana Septambra ary nanao tatitra momba ny asany. Tamin' izany fotoam-pifaliana izany, raha mbola tafangona izy ireo, no nandraisana ity fanambarana ity. Niantso izany ho fanambarana momba ny fisoronana ny Mpaminany.

1-5, Haorina any Missouri ilay Jerosalema Vaovao sy ny Tempoly; 6-17, Fanomezana ny fitohizan' ny fisoronana, hatramin' i Mosesy ka hatramin' i Adama; 18-25, Ny fihazonan' ny fisoronana ambony ny fanalahidin' ny fahalalana an' Andriamanitra; 26-32, Ny fihazonan' ny fisoronana ambany ny fanalahidin' ny asa fanompoan' ny anjely sy ny an' ny filazantsara fiamanana; 33-44, Ny fahazoan' ny olona ny fiainana mandrakizay amin'

ny alalan' ny fianianana sy ny fanekepiahavanan' ny fisoronana; 45-53, Fanazavan' ny Fanahin' i Kristy ny olona sy ny fitoeran' izao tontolo izao ao amin' ny fahotana; 54-61, Tsy maintsy mijoro ho va-volombelon' ireo zavatra izay efa noraitsiny ireo ny Olomasina; 62-76, Tokony hotoriany ny filazantsara dia hanaraka ireo famantarana; 77-91, Tokony handeha hitory, tsy mitondra kitapom-bola na kitapombatsy ireo loholona ary ny Tompo

2a 1 Tim. 5:8.
4a Môsia 4:14.
5a F&F 78:3.
TSM Trano

Fitehirizana.
6a TSM Mpitondratena.
b Môsia 4:16-26;
Hel. 4:11-13;

F&F 42:30-39.
TSM Mahantra.

no hamatsy izay ilainy; 92–97, Miandry ireo izay mitsipaka ny filazantsara ny areti-mandringana sy ny ozona; 98–102, Fanomezana ny hira vaovao momba ny fanavotana an' i Ziona; 103–110, Aoka ny olona tsirairay hanefa ny anjara fanompoany sy hifofotra amin' ny antso ananany; 111–120, Tokony hitory ny fahavetavetan' ny fandravana amin' ny andro farany ireo mpanompon' ny Tompo.

FANAMBARANA avy amin' i Jesoa Kristy ho an' i Joseph Smith zanany mpanompony sy ireo loholona enina, raha nambatra ny fony izy ireo ary "nanandraatra avo ny feony.

2 Eny, ny tenin' ny Tompo momba ny fiangonany voaorina amin' ny andro farany, ho "fampodiana amin' ny laoniny ny vahoakany, toy izay efa noteneniny tamin' ny vavan' ireo ^bmpaminaniny sy ho fanangonana ny ^dolomasiny mba hitsangana eo an-^eTendrombohitra Ziona izay ho tanànan' i ^fJerosalema Vaovao.

3 Dia tanàna izay haorina, manomboka eo amin' ny faritry ny "tempoly izay voatondron' ny rantsantanan' ny Tompo, ao amin' ny sisin-tany andrefana amin' ny Faritanin' i Missouri,

ary atokana amin' ny alalan' ny tanan' i Joseph Smith zanany sy ireo izay nankasitrahan' ny Tompo tokoa.

4 Izao marina tokoa no tenin' ny Tompo, fa ny tanànan' i "Jerosalema vaovao dia haorina amin' ny alalan' ny fanangonana ireo olomasina, manomboka eo amin' ity toerana ity, dia ny toeran' ny ^btempoly, dia tempoly izay hatsangana ao amin' ity taranaka ity.

5 Fa tsy ho lany marina tokoa ity taranaka ity raha tsy efa miorina ho an' ny Tompo ny trano ka hitoetra eo aminy ny rahona, dia rahona izay ho "voninahitry ny Tompo, izay hameno ny trano.

6 Ary ireo zanakalahin' i Mose-sy, araka ny Fisoronana Masina izay noraisiny tamin' ny "tanàn' i ^bJetro rafozandahiny;

7 Ary i Jetro nandray izany tamin' ny tanan' i Kaleba;

8 Ary i Kaleba nandray izany tamin' ny tanan' i Eliho;

9 Ary i Eliho tamin' ny tanan' i Jeremia;

10 Ary i Jeremia tamin' ny tanan' i Gada;

11 Ary i Gada tamin' ny tanan' i Esaia;

12 Ary i Esaia nandray izany tamin' ny tanan' Andriamanitra.

13 Esaia dia niaina koa tamin'

84 1a TSM Vavaka.

2a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

b Asa 3:19–21.

d TSM Olomasina.

e Isa. 2:2–5;

Heb. 12:22;

Fan. 14:1;

F&F 76:66; 84:32; 133:18, 56.

f Etera 13:2–11;

F&F 42:8–9; 45:66–67;

Fp. 1:10.

TSM Jerosalema Vaovao.

3a F&F 57:3.

4a TSM Jerosalema

Vaovao.

b TSM Tempoly, Tranon' ny Tompo.

5a F&F 45:67; 64:41–43; 97:15–20; 109:12, 37.

6a TSM Fametrahan-tanana.

b TSM Jetro.

ny andron' i Abrahama ary notsofiny rano—

14 Dia i "Abrahama izay nandray ny fisoronana tamin' i ^bMelkizedeka izay nandray izany tamin' ny firazanan' ireo rainy, dia hatrany amin' i ^dNoa;

15 Ary hatramin' i Noa ka hatrany amin' i "Enoka, tamin' ny alalan' ny firazanan' ireo rainy;

16 Ary hatramin' i Enoka ka hatrany amin' i "Abela, izay novonoin' ny ^bfiokoan' ny rahalahiny, izay ^dnandray ny fisoronana tamin' ny alalan' ny didin' Andriamanitra, avy tamin' i "Adama rainy izay lehilahy voalohany—

17 Dia "fisoronana izay mitohy ao amin' ny fiangonan' Andriamanitra ao amin' ireo taranaka rehetra sady tsisy fiandohan' andro na fiafaran-taona.

18 Ary ny Tompo dia nanamafy koa ny "fisoronana tamin' i ^bAharôna sy ny taranany, tamin' ireo taranany rehetra, dia fisoronana izay mitohy koa sy ^dmitoetra mandrakizay miaraka amin' ny fisoronana izay araka ny lamina masina indrindra an' Andriamanitra.

19 Ary ity fisoronana ambony ity dia mitantana ny filazantsara

sy mihazona ny fanalahidin' ny "misterin' ny fanjakana, dia ny fanalahidin' ny ^bfahalalana an' Andriamanitra.

20 Koa miharihary ao amin' ny "ôrdônansiny ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra.

21 Ary raha tsy misy ny ôrdônansiny sy ny "fahefan' ny fisoronana, dia tsy miharihary amin' ny olona ao amin' ny nofo ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra;

22 Fa raha tsy misy izany, dia tsy misy "olona afaka mahita ny tavan' Andriamanitra, dia ny Ray, ary ho velona.

23 Ankehitriny dia izany no nampianarin' i "Mosesy mazava tsara ny zanak' i Isiraely tany an-tany foana ary nikatsahany tamin' ny fahazotoana tokoa ^bhanamasinana ny vahoakany, ka hahazoan' izy ireo ^dmahita ny tavan' Andriamanitra;

24 Nefa "nohamafisin' izy ireo ny fony ka tsy tantin' izy ireo ny fanatrehana Azy; koa ny Tompo, tao amin' ny ^bfisafoahany, satria nirehitra tamin' izy ireo ny fahatezerany, dia nianiana fa tsy ^dhiditra ao amin' ny fitsaharany izy ireo raha mbola any an-tany foana, dia

14a TSM Abrahama.
b TSM Melkizedeka.
d TSM Noa, Patriarika
ao amin' ny Baiboly.
15a TSM Enoka.
16a TSM Abela.
b Mos. 5:29-32.
d F&F 107:40-57.
e TSM Adama.
17a Almà 13:1-19;
Abr. 2:9, 11.
TSM Fisoronana
Melkizedeka.

18a TSM Fisoronana
Aharôna.
b TSM Aharôna,
Rahalahin' i Mosesy.
d F&F 13:1.
19a F&F 63:23; 107:18-19.
TSM Misterin'
Andriamanitra.
b Abr. 1:2.
20a TSM Ôrdônansy.
21a TSM Fahefana;
Fisoronana.
22a F&F 67:11.

23a Eks. 19:5-11; 33:11.
b TSM Fanamasinana.
d Eks. 24:9-11;
F&F 93:1.
24a Eks. 20:18-21; 32:8;
Deot. 9:23;
1 Ne. 17:30-31, 42.
b Sal. 95:8; Heb. 3:8-11;
Jakôba 1:7-8;
Almà 12:36.
d djs, Eks. 34:1-2;
Nom. 14:23;
Heb. 4:1-11.

fitsaharana izay fahafenoan' ny voninahiny.

25 Koa nalainy avy teo anivon' izy ireo i "Mosesy, ary koa ny ^bFisoronana Masina;

26 Ary nitohy ny "fisoronana ambany, dia fisoronana izay nihazona ny ^bfanalahidin' ny "fanompoan' ny anjely sy ny filazantsara fiomanana;

27 Dia filazantsara izay filazan-tsaran' ny "fibebahana sy ny ^bbatisa sy ny "famelana ny fahotana ary ny "lalan' ny didy ^fara-nofo, izay tao amin' ny fisafoahany, dia nasain' ny Tompo notohizana tao an-tranon' i Aharôna, tany anivon' ny zanak' i Isiraely, ambara-pahatongan' i ^gJaona izay natsangan' Andriamanitra rehefa ^hheniky ny Fanahy Masina hatrany an-kibondreniny.

28 Fa natao batisa izy fony izy mbola tao amin' ny fahazazany ary natokan' ny anjelin' Andriamanitra, tamin' ny fotoana nahafeno valo andro azy, ho amin' ity hery ity mba hanongana ny fanjakan' ny Jiosy sy "hanitsy ny lalan' ny Tompo eo imason' ny vahoakany, ka hanomana azy ireo ho amin' ny fiavian' ny Tompo izay eo an-tanany avokoa no omena ny ^hhery.

29 Ary ankoatra izany, ny anjara fanompoan' ny loholona sy ny eveka dia "fanampiny ilaina ao anatin' ny fisoronana avo.

30 Ary ankoatra izany, ny anjara fanompoan' ny mpampianatra sy ny diakona dia fanampiny ilaina ao anatin' ny fisoronana ambany, dia fisoronana izay nohamafisina tamin' i Aharôna sy ny zanakalahiny.

31 Koa, araka izay nolazaiko momba ireo zanakalahin' i Mosesy—fa ireo zanakalahin' i Mosesy sy ireo zanakalahin' i Aharôna koa dia hanatitra "fanatitra sy sorona ankasitrahana ao an-tranon' ny Tompo, dia trano izay haorina ho an' ny Tompo ao amin' ity taranaka ity, eo amin' ny ^bfaritra voatokana izay efa notondroiko—

32 Ary ireo zanakalahin' i Mosesy sy ny an' i Aharôna dia ho henika ny "voninahitry ny Tompo eo ^ban-Tendrombohitra Ziona, ao an-tranon' ny Tompo, izay ianareo no zanakalahiny ary koa ireo maro izay efa nantsoiko sy nirahiko hanorina ny ^dfiangonako.

33 Fa na zovy na zovy no "mahatoky ka mahazo ireo ^bfisoronana roa izay efa noteneniko ireo sy milofy amin' ny antso

25a Deot. 34:1–5.

b TSM Fisoronana Melkizedeka.

26a TSM Fisoronana Aharôna.

b F&F 13:1.
d F&F 107:20.

27a TSM Fibebahana.
b TSM Batisa.
d TSM Famelana ny Fahotana.

e TSM Lalan' i Mosesy.
f Heb. 7:11–16.

g TSM Jaona Mpanao Batisa.
h Lio. 1:15.

28a Isa. 40:3; Mat. 3:1–3;
Jao. 1:23.
b Mat. 28:18;
Jao. 17:2;
1 Pet. 3:22;
F&F 93:16–17.

29a F&F 107:5.

31a F&F 128:24.
b F&F 57:3.

32a TSM Voninahitra.
b Heb. 12:22;
F&F 76:66; 84:2;
133:56.

d TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy.
33a TSM Mendrika.
b TSM Fisoronana.

ananany, dia ^ahamasinin' ny Fanahy ho fanavaozana ny vatany.

34 Izy dia tonga zanakalahin' i Mosesy sy an' i Aharôna, ary ^ataranak' i ^bAbrahama, ary fiangonana sy fanjakana, ary ^anofinidin' Andriamanitra.

35 Ary ireo rehetra, izay mandray ity fisoronana ity koa, dia mandray Ahy, hoy ny Tompo;

36 Fa izay mandray ireo mpanompoko dia ^amandray Ahy;

37 Ary izay ^amandray Ahy dia mandray ny Raiko;

38 Ary izay mandray ny Raiko dia mandray ny fanjakan' ny Raiko; koa izay ^arehetra ananan' ny Raiko dia homena azy.

39 Ary izany dia araka ny ^afianianana sy ny fanekempihavanana izay an' ny fisoronana.

40 Koa ireo rehetra izay mandray ny fisoronana dia mandray ity fianianana sy fanekempihavanana avy amin' ny Raiko ity, izay tsy azony ravana sady tsy azo foanana.

41 Fa na zovy na zovy no ^amandrava izao fanekempihavanana izao, rehefa avy nandray izany ary miala tanteraka amin' izany, dia ^btsy hahazo ny famelana ny fahotany eo amin' ity fiainana ity na amin' ny fiainan-ko avy.

42 Ary lozan' ireo rehetra izay tsy tonga amin' ity fisoronana izay efa noraisinareo ity, izay amafisiko eto ankehitriny aminareo izay manatrika androany, amin' ny alalan' ny feoko izay avy any an-danitra; ary efa nomeko ny tafiky ny lanitra sy ny ^aanjeliko aza ny fiandraiketana ny momba anareo.

43 Ary omeko anareo ankehitriny ny didy mba hitandremanareo ny momba ny tenanareo, mba ^ahitandremanareo fatratra ny tenin' ny fiainana mandrakizay.

44 Fa ianareo dia ^ahivelona amin' ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra.

45 Fa fahamarinana ny ^atenin' ny Tompo, ary izay rehetra ^bfahamarinana dia fahazavana, ary izay rehetra fahazavana dia Fanahy, dia ny Fanahin' i Jesoa Kristy.

46 Ary ny Fanahy dia manome ^afahazavana ho an' ny ^bolona rehetra izay tonga eo amin' izao tontolo izao; ary ny Fanahy dia manazava ny olona rehetra manerana izao tontolo izao, izay mihaino ny feon' ny Fanahy.

47 Ary ny olona rehetra izay mihaino ny feon' ny Fanahy

33d TSM Fanamasinana.

34a Gal. 3:29;

Abr. 2:9–11.

TSM Abrahama—Ny taranak' i Abrahama.

b F&F 132:30–32.

TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

d TSM Olom-boafidy.

36a Mat. 10:40–42;

Lio. 10:16;

F&F 112:20.

37a Jao. 13:20.

38a Lio. 12:43–44;

Roma. 8:32; Fan. 21:7;

3 Ne. 28:10;

F&F 132:18–20.

TSM Fisandratana.

39a TSM Fianianana sy Fanekempihavanan' ny Fisoronana.

41a TSM Apôstazia.

b F&F 76:34–38; 132:27.

42a F&F 84:88.

43a 1 Ne. 15:23–25;

F&F 1:14.

44a Deot. 8:3; Mat. 4:4;

F&F 98:11.

45a Sal. 33:4.

TSM Tenin'

Andriamanitra.

b TSM Fahamarinana.

46a TSM Fieritreretana;

Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

b Jao. 1:9; F&F 93:2.

dia manatona an' Andriamani-
tra, dia ny Ray.

48 Ary ny Ray dia "mampiana-
tra azy ny momba ny ^bfaneke-
mpihavanana izay efa nohavaozi-
ny sy nohamafisiny taminareo,
izay hamafisina aminareo noho
ny aminareo, ary tsy noho ny
aminareo ihany fa noho ny
amin' izao tontolo izao iray
manontolo.

49 Ary "izao tontolo izao iray
manontolo dia mitoetra ao
amin' ny fahotana ary mitolo-
ko eo ambanin' ny ^bhaizina sy
eo ambanin' ny famatoran' ny
fahotana.

50 Ary izao no ahafantarana-
reo fa ao amin' ny "famatoran'
ny ^bfahotana izy ireo, satria tsy
manatona Ahy izy ireo.

51 Fa na zovy na zovy no tsy
manatona Ahy, dia ao amin' ny
famatoran' ny fahotana izy.

52 Ary na zovy na zovy no tsy
mandray ny feoko dia tsy ma-
halala ny "feoko ary tsy avy
Amiko.

53 Ary izany no ahaizanareo
manavaka ny olo-marina amin'
ny olon-dratsy, fa ny "tany iray
manontolo dia ^bmitoloko ao
amin' ny "fahotana sy ny haizi-
na, na dia ankehitriny aza.

54 Ary ny sainareo dia noha-
maizinina taloha noho ny "tsy

finoana, ary satria efa noha-
maivaninareo ireo zavatra efa
noraisinareo—

55 Dia "fiebieboana sy tsy fi-
noana izay efa nitondra ny
fiangonana iray manontolo ho
eo ambany fanamelohana.

56 Ary izany fanamelohana
izany dia mitoetra eo amin' ny
zanak' i Ziona, izy rehetra.

57 Ary hitoetra eo ambanin'
izany fanamelohana izany izy
ireo ambara-pibebany sy aha-
tsiarovany ny "fanekeMPIHA-
VANANA vaovao, dia ny ^bBokin' i
Môrmôna sy ireo "didy teo alo-
ha izay efa nomeko azy ireo, tsy
ny hiteny fotsiny fa ny "hanao
araka izay efa nosoratako—

58 Mba hahazoany mamokatra
voa mendrika ny fanjakan' ny
Rainy; fa raha tsy izany dia misy
antambo sy famaliana harara-
ka eo amin' ny zanak' i Ziona.

59 Fa moa va handoto ny tani-
ko masina ireo zanaky ny fanja-
kana? Lazaiko aminareo marina
tokoa, Tsia.

60 Lazaiko marina dia marina
tokoa aminareo izay mandre
ankehitriny ireo "teniko, izay ny
feoko, sambatra ianareo raha
mandray ireto zavatra ireto;

61 Fa Izaho "hamela anareo
amin' ny fahotanareo miaraka
amin' izao didy izao—dia ny

48a TSM Fitaoman' ny
Fanahy.

^b TSM FanekeMPIHA-
VANANA; FanekeMPIHA-
VANANA Vaovao sy
Maharitra
Mandrakizay.

49a 1 Jn. 5:19.

^b TSM Haizim-panahy.

50a Gal. 4:9.

^b TSM Fahotana.

52a Jao. 10:27.

53a TSM Izao Tontolo
Izao.

^b Roma. 8:22;
Mos. 7:48.

^d TSM Rehak' Izao
Tontolo Izao.

54a TSM Tsy Finoana.

55a TSM Zava-poana.

57a Jer. 31:31–34.

^b TSM Bokin' i
Môrmôna.

^d 1 Ne. 13:40–41.

^e Jakoba 1:22–25;
F&F 42:13–15.

60a F&F 18:34–36.

61a Dan. 9:9.

TSM Mamela.

^bhamaharanareo ao amin' ny faharetana ao an-tsainareo, amin' ny fahamaotinana sy ny fanahim-bavaka, amin' ny fijo-roana ho vavolombelona eran' izao tontolo izao ny amin' ireo zavatra izay ampitaina aminareo ireo.

62 Koa "mandehana ianareo any amin' izao tontolo izao iray manontolo; ary any amin' ny toerana rehetra tsy azonareo aleha no hanirahana anareo, mba hahazoan' ny tenivavolombelona miainga avy aminareo ka maneran' izao tontolo izao, mankamin' ny olombelona rehetra.

63 Ary toy ny nilazako tamin' ireo apostoliko, dia toy izany koa no ilazako aminareo, satria ianareo no "apostoliko, dia ireo mpisorona avon' Andriamantitra; ianareo no ireo izay efa ^bnomen' ny Raiko Ahy; ianareo no ^dnamako;

64 Koa toy ny nilazako tamin' ny apostoliko no ilazako aminareo indray fa ny "olona rehetra izay ^bmino ny teninareo sy atao batisa amin' ny rano ho ^dfamelana ny fahotana dia handray ny ^eFanahy Masina.

65 Ary ireto "famantarana ireto no hanaraka ireo izay mino —

66 Amin' ny anarako no hanaovany "asa mahatalanjona maro; 67 Amin' ny "anarako no handroahany ny devoly;

68 Amin' ny anarako no "hanasitrany ny marary;

69 Amin' ny anarako no hampaharatany ny mason' ny jamba sy hampahaladiny ny sofin' ny marenina;

70 Ary hiteny ny lelan' ny moana;

71 Ary raha misy olona manome "poizina azy dia tsy hanimba azy izany;

72 Ary tsy hanan-kery hanimba azy ny poizin' ny menarana.

73 Saingy didy no omeko azy tsy "hireharehan' ny tenany amin' ireo zavatra ireo sady tsy hitenenany ny momba ireo eo anoloan' izao tontolo izao; fa omena ho anareo ireo zavatra ireo ho tombontsoanareo sy ho famonjena.

74 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ireo izay tsy mino ny teninareo ary tsy "atao batisa amin' ny rano amin' ny anarako ho famelana ny fahotany, hahazoany mandray ny Fanahy Masina dia ^bhohelohina ka tsy hiditra ao amin' ny fanjakan' ny raiko izay misy Ahy sy ny Raiko.

61b F&F 43:34; 88:121; 100:7.

62a Mar. 16:15; F&F 1:2-5. TSM Asa Fitoriana.

63a TSM Apostoly.

b 3 Ne. 15:24; F&F 50:41-42.

d Jao. 15:13-15; F&F 93:45.

64a TSM Fanahy (Fitambaran' ny Vatana sy

ny Fanahy).

b Mar. 16:15-16.

TSM Finoana.

d TSM Famelana ny Fahotana.

e TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

65a Mar. 16:17-18.

TSM Famantarana.

66a TSM Asa.

67a Mat. 17:14-21.

68a TSM Manasitrana.

71a Mar. 16:18; Asa 28:3-9; F&F 24:13; 124:98-100.

73a F&F 105:24.

TSM Fiavonavonana.

74a 2 Ne. 9:23;

F&F 76:50-52.

TSM Batisa—Tsy maintsy atao.

b Jao. 3:18.

75 Ary ity fanambarana sy didy ho anareo ity dia manankery hatramin' izao ora izao manerana izao tontolo izao, ary ny filazantsara dia ho an' ireo rehetra tsy nandray izany.

76 Nefa lazaiko marina tokoa amin' ireo rehetra izay efa nomena ny fanjakana—avy eo aminareo no tsy maintsy itoria-na izany amin' izy ireo mba hibe-bahany amin' ny asa ratsiny taloha; fa tokony holevilevena izy ireo noho ny tsy finoan' ny fo ratsiny, ary ireo rahalahinareo ao i Ziona noho ny fikomiany taminareo tamin' ny fotoana nanirahako anareo.

77 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo ry sakaizako, fa hatramin' izao dia hantsoiko hoe sakaiza ianareo, ilaina ny anomezako anareo izao didy izao, mba hahatonga anareo ho tahaka ireo sakaizako tamin' ny andro izay niarahako tamin' izy ireo nandeha nitory ny filazantsara tamin' ny heriko;

78 Fa tsy navelako hanana "kitapom-bola na kitapom-batsy na akanjo roa izy ireo.

79 Indro Izaho maniraka anareo hizaha toetra an' izao tontolo izao, ary ny mpiasa dia mendrika ny "karamany.

80 Ary izay olona handeha sy "hitory ity ^bfilazantsaran' ny fanjakana ity ka tsy mianina amin'

ny fitozoana ho mahatoky amin' ny zava-drehetra, dia sady tsy ho reraka ny saina no tsy hohamaizinina, na ny vatana, na ny ratsam-batana, na ny vany; ary na dia ^dsingam-bolo iray amin' ny lohany aza dia tsy ho latsaka amin' ny tany ka tsy ho hita. Ary tsy ho noana na hangetaheta izy.

81 Koa aza "manahy ny amin' ny ampitso ianareo, ny amin' izay hohaninareo, na izay hosotroinareo, na izay hotafianareo.

82 Fa diniho ny fomba fanirin' ny lilia any an-tsaha, fa tsy miasa na mamoly ireny; ary ireo fanjakana eo amin' izao tontolo izao, ao amin' ny voninahiny rehetra, dia tsy mitafy tahaka ny anankiray amin' ireny.

83 Fa "fantatry ny ^brainareo izay any an-danitra fa mila ireo zavatra rehetra ireo ianareo.

84 Koa aoka ny ampitso "manahy ny amin' ny zavatra ao aminy.

85 Aza manahy mialoha koa ny amin' "izay holazainareo; fa ^braketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin' ny fiainana, dia "homena anareo amin' izany ora izany ny ampahany voafatra ho an' ny olona tsirairay.

86 Koa aoka tsy hisy olona eo anivonareo handeha hitory ity filazantsaran' ny fanjakana ity ka haka kitapom-bola na kitapom-batsy hatramin' izao, fa ity didy

78a Mat. 10:9–10;
F&F 24:18.

79a F&F 31:5.

80a TSM Asa Fitoriana.
^b TSM Filazantsara.

^d Lio. 21:18.

81a Mat. 6:25–28.

83a Mat. 6:8.

^b TSM Ray any
An-danitra.

84a Mat. 6:34.

85a Mat. 10:19–20;
Lio. 12:11–12;
F&F 100:6.

^b 2 Ne. 31:20;
Almà 17:2–3;

F&F 6:20; 11:21–26.
TSM Misaintsaina.

^d TSM Mampianatra—
Mampianatra
miaraka amin' ny
Fanahy.

ity dia ho an' ny "mahatoky rehetra izay voantson' Andriamanitra ao amin' ny Fiangonana ho amin' ny asa fanompoana.

87 Indro, Izaho "maniraka anareo handevilevy izao tontolo izao noho ny asany tsy marina rehetra ary hampianatra azy ny amin' ny fitsarana izay ho avy.

88 Ary na zovy na zovy no "mandray anareo, dia ho eo koa Aho, fa Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavianareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fana-hiko, ary hanodidina anareo ny ^banjeliko mba hanohana anareo.

89 Na zovy na zovy no mandray anareo dia mandray Ahy; ary izy hanome hanina anareo sy hampitafy anareo ary hanome vola anareo.

90 Ary na zovy na zovy no manome hanina anareo, na mampitafy anareo na manome vola anareo dia tsy "hamery ny valisoany mihitsy izy.

91 Ary izay tsy manao ireo zavatra ireo dia tsy mpianatro; amin' izany no ahafantarana-reo ny "mpianatro.

92 Izay tsy mandray anareo dia mialà aminy, ka mitokàna ianareo dia "diovy ny tongotrareo, amin' ny rano, rano madio, na mafana na mangatsiaka, ary mijoroa ho vavolombelon' izany amin' ny Rainareo izay any an-

danitra, ary aza miverina intsony amin' izany olona izany.

93 Ary izay vohitra na tanàna rehetra idiranareo dia ataovy toy izany.

94 Na dia eo aza izany, dia mitadiava fatratra ary aza tsitsinareo ny ainareo; ary lozan' izany trano na vohitra na tanàna izay mitsipaka anareo, na ny teninareo na ny tenivavolombelonareo momba Ahy izany.

95 Lazaiko indray fa lozan' izany trano, na izany vohitra na tanàna izay mitsipaka anareo, na ny teninareo, na ny tenivavolombelonareo momba Ahy izany;

96 Fa Izaho, ny "Tsitoha, dia efa naninjitra ny tanako tamin' ireo firenena mba ^bhikaravasy azy ireo noho ny "faharatsiany.

97 Dia hivoaka ny areti-mandringana ary tsy hoesorina eto an-tany izany raha tsy efa vitako ny asako izay "hohafomezina ao amin' ny fahamarinana —

98 Raha tsy efa mahalala Ahy ny rehetra izay tafajanona, hatramin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra, ka ho henika ny fahalalana ny Tompo ary "hahita mifanatri-maso sy hanandratra ny feony ary ^bhihira amin' ny fampiaraham-peo ity hira vaovao ity, manao hoe:

99 Efa nampody an' i Ziona ny Tompo,

86a Mat. 24:44–46;
F&F 58:26–29;
107:99–100.

87a TSM Asa Fitoriana.

88a Mat. 10:40; Jao. 13:20.

b F&F 84:42.

TSM Anjely.

90a Mat. 10:42; Mar. 9:41.

91a Jao. 13:35.

92a Mat. 10:14; Lio. 9:5;

F&F 60:15.

96a TSM Tsitoha.

b F&F 1:13–14.

d TSM Faharatsiana.

97a Mat. 24:22.

98a Isa. 52:8.

b Sal. 96:1; Fan. 15:3;

F&F 25:12; 133:56.

TSM Mihira.

Efa “nanavotra an’ i ^bIsiraely olony ny Tompo,
Araka ny “fifidianana noho ny “fahasoavana

Izay notanterahina tamin’ ny finoana

Sy ny ^ffanekempihavanan’ ireo razany.

100 Efa nanavotra ny olony ny Tompo;

Ary “voafatotra i Satana ary tsy ho ela intsony ny fotoana.

Efa nanangona ny zavatra rehetra ho ^biray ny Tompo.

Efa nampidina an’ i ^dZiona avy any ambony ny Tompo.

Efa “nampiakatra an’ i Ziona avy any ambany ny Tompo.

101 Efa nihetsi-jaza ny “tany ary niteraka ny tanjany;

Ary voaorina ao an-kibony ny fahamarinana;

Ary efa nitsiky taminy ny lanitra;

Ary voatafy ny ^bvoninahitry ny Andriamaniny izy;

Satria mijoro eo anivon’ ny olony Izy.

102 Voninahitra sy laza ary hery sy tanjaka.

Anie ho an’ Andriamanitsika; fa Izy dia feno “famindram-po sy

Fahitsiana, fahasoavana sy fahamarinana ary ^bfiadanana, Mandrakizay mandrakizay. Amena.

103 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ny olona rehetra izay handeha hitory ny filazan-tsarako maharitra mandrakizay ka manana fianakaviana ary mandray vola amin’ ny alalan’ ny fanomezana, dia ilaina ny handefasany izany any aminy na hampiasany izany ho tombontsoany, araka izay hitarihan’ ny Tompo azy ireo, satria izany no heveriko fa tsara.

104 Ary aoka ireo rehetra izay tsy manana fianakaviana, ka mandray “vola, handefa izany any amin’ ny eveka any Ziona na any amin’ ny eveka any Ohio, mba hahazoana manokana izany ho famoahana ireo fanambarana sy ny fanontana izany ary ho fanorenana an’ i Ziona.

105 Ary raha misy olona manome ny iray aminareo akanjo na fitafiana, dia alao ilay tonta ary omeo ny “mahantra ary tohizo amim-pifaliana ny dianao.

106 Ary raha misy olona matanjaka ao amin’ ny Fanahy eo anivonareo, dia aoka izy “haka izay malemy hiaraka aminy, mba hahazoana mampiorina azy ao amin’ ny ^bfandefarana tanteraka ka hahatonga azy ho matanjaka ihany koa.

107 Koa alao hiaraka aminareo

99a Fan. 5:9; F&F 43:29.
b TSM Isiraely.

d TSM Fifidianana.

e TSM Fahasoavana.

f TSM Fanekepihavanan’ i Abrahama.

100a Fan. 20:2–3;
F&F 43:31; 45:55;
88:110.

b Ef. 1:10;
F&F 27:13.

d F&F 45:11–14;
Mos. 7:62–64.

TSM Ziona.

e F&F 76:102; 88:96.

101a TSM Tany.

b TSM Voninahitra.

102a TSM Famindram-po.

b TSM Fiadanana.

104a F&F 51:8–9, 12–13.

105a TSM Mahantra—
Mahantra
ara-pananana.

106a TSM Fihavanana.

b TSM Halemempahany.

ireo izay voatokana ho amin' ny fisoronana "ambany, ary iraho eo alohanareo ireo hamotoana sy hanomana ny lalana ary hanatontosana ny raharaha izay tsy arakareo.

108 Indro izany no fomba izay nanorenan' ireo apostoliko tamin' ny andro fahiny ho Ahy ny fiangonako.

109 Koa aoka ny olona tsirairay samy hifototra amin' ny anjara fanompoana sy hilofo ao amin' ny antso ananany; ary aoka ny loha tsy hiteny amin' ny tongotra fa tsy mila ny tongotra izy; fa raha tsy eo ny tongotra, ahoana no ahafahan' ny vatana hijoro?

110 Ny vatana koa dia mila ny "ratsambatana tsirairay mba hahazoan' izy rehetra mifampandroso, mba hahazoana mitana ny firafetana ho fanaperana.

111 Ary indro, tokony handeha ny "mpisorona avo, ary ny loholona, ary koa ny "mpisorona ambany; fa ny "diakona sy ny "mpampianatra kosa dia tokony hotendrena mba "hiambina ny fiangonana, ho mpanompo raikitra amin' ny fiangonana.

112 Ary ny eveka Newel K. Whitney koa dia tokony handeha eo amin' ny faritra manodidina sy any anivon' ny fiangonana rehetra, hitady ny mahantra ary "hikarakara izay ilainy amin' ny

"fampietrena ny manan-karena sy ny miavonavona.

113 Tokony hampiasa "mpan-draharaha koa izy hiandraikitra sy hanao ny raharahany andavanandro araka izay toromarika homeny.

114 Na dia eo aza izany, dia aoka ny eveka handeha ho any an-tanànan' i New York, ho any an-tanànan' i Albany koa, ary ho any an-tanànan' i Boston koa ka hampitandrina ny mponin' tanàna ireo miaraka amin' ny fanenon' ny filazantsara, amin' ny feo mahery, ny amin' ny "fandravana sy ny famongorana tanteraka izay miandry azy ireo raha mitsipaka ireto zavatra ireto izy ireo.

115 Fa raha mitsipaka ireto zavatra ireto izy ireo, dia antomotra ny ora fitsarana azy ireo ary havela ho "aolo ho azy ireo ny tranony.

116 Aoka izy "hitoky Amiko dia tsy "hangaihay; ary ny "singam-bolo amin' ny lohany dia tsy ho latsaka amin' ny tany ka tsy ho hita.

117 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, ry mpanompoko sisa, mandehana ianareo araka izay ahafahanareo, amin' ny antso maro anananareo, manka ny amin' ireo tanàna sy vohitra lehibe sy malaza, mananatra izao tontolo izao amin' ny fahamarinana noho ireo asany rehe-

107a TSM Fisoronana Aharôna.

110a 2 Tan. 12:12–23.

111a TSM Mpisorona Avo.

b TSM Mpisorona, Fisoronana Aharôna.

d TSM Diakona.

e TSM Mpampianatra, Fisoronana Aharôna.

f TSM Mpiambina.

112a TSM Asa Fanasoavana.

b F&F 56:16.

113a F&F 90:22.

114a F&F 1:13–14.

115a Lio. 13:35.

116a TSM Matoky.

b Sal. 22:5; 1 Pet. 2:6.

d Mat. 10:29–31.

tra tsy marina sy tsy araka an' Andriamanitra, sady mamela-belatra mazava tsara mba ho azo ny amin' ny fandravan' ny fahavetavetana amin' ny andro farany.

118 Fa amin' ny alalanareo hoy ny Tompo Tsitoha no "hanoroto-roako ireo fanjakana; tsy ^bhohozongozoniko fotsiny ny tany, fa ny lanitra feno kintana koa dia hihorohoro.

119 Fa Izaho Tompo dia efa nandroso ny tanako mba ham-pihetsika ny herin' ny lanitra; tsy hainareo jerena izany ankehitriny, kanefa vetivety foana dia hahita izany ianareo ary hahafantatra fa Izy Aho, fa ho "avy Aho ary ^bhanjaka amin' ny oloko.

120 Izaho no "Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana. Amena.

FIZARANA 85

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 27 Nôvambra 1832 (History of the Church, 1:298–299). Ity fizarana ity dia nalaina tamin' ny taratasin' ny Mpaminany ho an' i William W. Phelps izay nonina tao Independence, Missouri. Nomena izany ho valin' ireo fanontaniana momba ireo Olomasina izay efa nifindra monina tany Ziona saingy tsy mbola nahazo ny lovary araka ny fandaminana najoro tao amin' ny Fiangonana.

1–5, Raisina amin' ny alalan' ny fanokanana fananana ny lova ao i Ziona; 6–12, Ilay mahery sy matanjaka no hanome ny Olomasina ny lovary ao i Ziona.

ANDRAIKITRY ny mpitan-tsoratra ny Tompo, izay efa notendreny ny mitana ny tantara sy ny "rakitsoratra ankapoben' ny fiangonana momba ny zava-drehetra izay mitranga ao i Ziona sy ny momba ireo rehe-tra izay ^bmanokana fananana ary mandray lova ara-dalàna avy amin' ny eveka;

2 Ary koa ny momba ny toepiainany, ny finoany ary ny asany; ary koa ny momba ireo mpivadika izay mivadika aorian' ny andraisany ny lovary.

3 Mifanohitra amin' ny sitrapo sy ny didin' Andriamanitra ny tokony hanoratana miaraka amin' ny vahoakan' Andriamanitra ny anaran' ireo izay tsy nandray ny lovary tamin' ny alalan' ny "fanokanana fananana, araka ny lalàny izay efa nomeny mba hahazoany mam-pandoa ny olony ny ^bfahafolon-karena, hanomanana azy ho

118a Dan. 2:44–45.

^b Joe. 2:10;

F&F 43:18; 45:33,
48; 88:87, 90.

TSM Andro Farany;
Famantaran' Ireo

Fotoana.

119a F&F 1:12, 35–36;
29:9–11; 45:59.

TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

^b TSM Arivotaona.

120a TSM Alfa sy Omega.

85 1a F&F 21:1; 47:1;
69:3–6.

^b F&F 42:30–35.

3a TSM Manokana.

^b TSM Fahafolonkarena.

amin' ny andro ^afamaliana sy ny fandoroana.

4 Sady tsy tokony hotanana ny tetiarany, na hotehirizina any amin' izay mety hahitana izany amin' izay mety ho rakitsoratra na tantaran' ny fiangonana.

5 Ny anarany, na ny anaran' ireo rainy, na ny anaran' ireo zanany dia tsy tokony ho hita voasoratra ao amin' ny ^abokin' ny lalan' Andriamanitra, hoy ny Tompon' ny Maro.

6 Eny, toy izao no lazain' ilay feo ^atony sy malefaka izay mibitsibitsika ary ^bmandoaka ny zava-drehetra ary mazàna dia mahatonga ny taolako hipararetra rehefa mitranga izy, manao hoe:

7 Ary izany no zavatra hitranga, fa Izaho Tompo Andriamanitra dia handefa an' Ilay mahery sy matanjaka, mihazona ny tehin-kery eo an-tanany, mitafy ny hazavana fisalobonana, izay hanao teny ny vavany, teny mandrakizay; raha ny kibony kosa ho loharanon' ny fahamari-nana ka handamina ny tranon' Andriamanitra sy handamina amin' ny atsapaka ny lovan' ny olomasina izay hita ho voarakitra ao amin' ny bokin' ny lalan' Andriamanitra ny anarany sy ny anaran-drainy ary ny anaran-janany;

8 Raha ilay lehilahy kosa, izay

nantsoin' Andriamanitra ary voatendry, izay maninjitra ny tanany mba hanohana ny ^afian' Andriamanitra, halavon' ny zana-tsipikan' ny fahafatesana, tahaka ny hazo izay asian' ny zana-tsipikan' ny varatra mahajambena.

9 Ary ireo rehetra izay tsy hita ho voasoratra ao amin' ny ^abokin' ny fahatsiarovana dia tsy hahita lova amin' izany andro izany fa hosamatsamahana ary homena anjara any anivon' ny tsy mpino, any no misy ^bfidradradrana sy fikitroha-nify.

10 Ireo zavatra ireo dia tsy ambarako ho avy amiko; koa tahaka ny itenenan' ny Tompo no hanatanterahiny ihany koa.

11 Ary ireo izay avy amin' ny Fisoronana Avo, izay tsy hita ho voasoratra ao amin' ny ^abokin' ny lalana ny anarany, na izay hita ho efa ^bnivadika, na ho efa ^dnosarahina hiala tamin' ny fiangonana, torak' izany koa ny fisoronana ambany, na ireo mpikambana, dia tsy hahita lova eo anivon' ireo olomasin' ny Avo Indrindra amin' izany andro izany;

12 Koa izy ireo dia hoentina toy ireo zanaky ny mpisorona araka izay voasoratra ao amin' ny Ezra toko faharoa ary ny andininy fahiraika sy faharoa amby enimpolo.

3d Mal. 3:10-11, 17;
F&F 97:25-26.

5a TSM Bokin' ny
Fiainana.

6a 1 Mpan. 19:11-12;
Hel. 5:30-31;
3 Ne. 11:3-7.

b Heb. 4:12.

8a 2 Sam. 6:6-7;
1 Tan. 13:9-10.
TSM Fiaran' ny
Fanekena.

9a 3 Ne. 24:16;
Mos. 6:5-6.
TSM Bokim-
pahatsiarovana.

b F&F 19:5.
11a TSM Bokin' ny
Fiainana.
b TSM Apôstazia.
d TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.

FIZARANA 86

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 6 Desambra 1832 (History of the Church, 1:300). Azo ity fanambarana ity raha mbola teo am-pitsarana sy am-pamoahana ny sora-tanana momba ny fandikana ny Baiboly ny Mpaminany.

1–7, *Fanomezan' ny Tompo ny hevitra ny fanoharana momba ny vary sy ny tsimparifary*; 8–11, *Nohazavainy ny fitahian' ny fisoronana ho an' ireo izay mpandova ara-dalàna araka ny nofo.*

MARINA tokoa, izao no lazain' ny Tompo aminareo ry mpanompoko isany momba ny “fanoharana ny amin' ny vary sy ny tsimparifary:

2 Indro, lazaiko marina tokoa, ny tanimbary dia izao tontolo izao ary ireo apostoly no mpanafy ny voa;

3 Ary rehefa nodimandry izy ireo, ilay mpanenjika mafy ny fiangonana, ilay mpivadika, ilay vehivavy janga, dia i “Babylona izay mampisotro ny firenendrehetra amin' ny kapoakany, izay ny fahavalo dia i Satana, no mitoetra mba hanjaka ao am-pony — indro, mamafy ny tsimparifary izy; koa ny tsimparifary dia manafotra ny vary ary mandroaka ny “fiangonana ho any an-tany foana.

4 Nefa indro, amin' ny “andro farany, dia ankehitriny, raha mbola manomboka mamoka ny teny ny Tompo ary maniry ny vary nefa mbola malemilemy —

5 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, mitalaho amin' ny Tompo andro aman' alina ireo “anjely izay efa vonona sy mian-dry ho hirahina mba “hijinja ny saha;

6 Nefa hoy ny Tompo aminy: aza ongotana ny tsimparifary raha mbola malemilemy ny vary (satria marina tokoa fa malemly ny finoanareo) fandrao hovanoinareo koa ny vary.

7 Koa aoka ny vary sy ny tsimparifary hiarahitombo ambarapahatongan' ny eny an-tsaha ho masaka tanteraka; amin' izay dia hangoninareo aloha ny vary hiala amin' ny tsimparifary ary rehefa voangona ny vary dia indro ka jereo fa hafatotra ho fehezana ny tsimparifary ary havela mba hodorana ny saha.

8 Koa izao no lazain' ny Tompo aminareo izay efa nitohizan' ny “fisoronana tamin' ny alalan' ny firazanan' ireo rainareo —

9 Fa ianareo dia “mpandova ara-dalàna araka ny nofo ary efa “nafenina an' izao tontolo izao niaraka tamin' i Kristy ao amin' Andriamanitra —

10 Koa efa tafatoetra ny fiainanareo sy ny fisoronana ary tsy maintsy ilaina ho tafatoetra

86 1a Mat. 13:6–43;
F&F 101:64–67.

3a Fan. 17:1–9.

TSM Babela, Babylona.

b Fan. 12:6, 14.

4a TSM Andro Farany.

5a F&F 38:12.

b TSM Fararano.

8a F&F 113:8.

TSM Fisoronana

Melkizedeka.

9a Abr. 2:9–11.

TSM Fanekepiahavanan' i Abrahama.

b Isa. 49:2–3.

amin’ ny alalanareo sy ny firazanana-
reao izany ambara-“pamerina amin’ ny laoniny ny zava-drehetra voalazan’ ny vavan’ ireo mpaminany masina rehetra hatry ny niandohan’ izao tontolo izao.

11 Koa sambatra ianareo raha mitozo ao amin’ ny fahamorampanahiko, ho “fahazavana ho an’ ny Jentilisa, ary ho mpamonjy ho an’ i ^bIsiraely oloko amin’ ny alalan’ ny fisoronana. Ny Tompo no efa nilaza izany. Amena.

FIZARANA 87

Fanambarana sy faminaniana momba ny ady, nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ny 25 Desambra 1832 (History of the Church, 1:301–302). Tamin’ ny fotoana izay nieritreretana sy nisaintsainan’ ireo rahalahy ny momba ny fanandevozana ny Afrikana teo amin’ ny kontinenta Amerikana sy ny fanandevozana ny zanak’ olombelona maneran’ izao tontolo izao no nahazoana ity fizarana ity.

1–4, Voalaza mialoha ny hisian’ ny ady eo amin’ ireo Faritany Tavaratra sy ireo Faritany Tatsimo; 5–8, Antambo lehibe no hanjo ny mponina rehetra eto an-tany.

TOY izao marina tokoa no lazain’ ny Tompo momba ireo ady izay hitranga tsy ho ela, izay manomboka amin’ ny fikomian’ i “South Carolina ka hiteraka ny fahafatesana sy ny fahorian’ ny olona maro;

2 Ary ho avy ny fotoana izay handsahana “ady amin’ ny firenen-drehetra, manomboka eo amin’ ity toerana ity.

3 Fa indro, hisaraka sady hanohitra ny Faritany Tavaratra ny Faritany Tatsimo, ary ny Faritany Tatsimo dia hangataka ny fanampian’ ireo firenena hafa, dia ny Firenena Britanika

araka izay iantsoana azy, ary izy ireo koa dia hangataka ny fanampian’ ireo firenena hafa mba hiarovany ny tenany amin’ ireo firenena hafa; ary amin’ izany dia harotsaka amin’ ny firenen-drehetra ny “ady.

4 Ary ny zava-hitranga rehefa afaka andro maromaro, dia hitsangana hanohitra ny tompony izay homanina sy halamina ho amin’ ny ady ireo “andevo.

5 Ary ny zavatra hitranga koa, dia hanomana ny tenany ny ambiny izay tavela eo amin’ ny tany ary ho tezitra izaitsizy tokoa ka hampijaly ny Jentilisa amin’ ny fampijaliana mivaivay.

6 Ary dia toy izany no “hitolo-koan’ ny mponin’ ny tany noho ny sabatra sy ny fandatsahandra; ary amin’ ny alalan’ ny ^bmosary sy ny areti-mandringa-

10a Asa 3:19–21. TSM Famerenana amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.	b F&F 109:59–67.	3a F&F 45:68–69.
11a Isa. 49:6.	87 1a F&F 130:12–13. 2a Joe. 3:9–16; Mat. 24:6–7; F&F 45:26, 63; 63:33.	4a F&F 134:12. 6a F&F 29:14–21; 45:49. b JS—M 1:29.

na ary ny horohoron-tany sy ny kotro-baratra eny an-danitra ary ny tselatra mitsoriaka sady mahajambena koa no anaovana izay hahatsapan' ny mponin' ny tany ny fisafoahana sy ny fahavinirana ary ny "tanam-pamai-zan' ilay Andriamanitra tsitoha, ambara-pahatongan' ny fandranganana voatendry hanafoana "tanteraka ny firenen-drehetra; 7 Ka ny antsoantson' ny olo-

masina sy ny an' ny "ran' ny olomasina dia hitsahatra tsy hiakatra avy amin' ny tany ka hatrany an-tsofin' ny Tompon' ny ^bSabaota mba hamaliana ny fahavalony.

8 Koa "mitsangàna eo amin' ny toerana masina ianareo ary aoka tsy hoesorina mandra-pahatongan' ny andron' ny Tompo; fa indro avy ^bfaingana tokoa izany hoy ny Tompo. Amena.

FIZARANA 88

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio ny 27 Desambra 1832 (History of the Church, 1:302-312). Nantsoin' ny Mpaminany ho "'ravin' oliva' . . . nongotana tamin' ny Hazon' ny Paradisa ny hafatry ny Tompo mitondra fiadanana ho antsika" (History of the Church, 1:316). Hita ao amin' ny rakitsoratra ara-tantara fa ny ampahany tamin' ity fanambarana ity dia noraisina ny 27 sy 28 Desambra 1832 ary ny 3 Janoary 1833.

1-5, Mandray ny Mpampionona izay fampanantenana ny fiainana mandrakizay ny Olomasina mahatoky; 6-13, Voara-maso sy voafehin' ny fahazavan' i Kristy ny zava-drehetra; 14-16, Ny fahatongavan' ny Fitsanganana amin' ny maty amin' ny alalan' ny Fanavotana; 17-31, Ny fankatoavana ny lalàna selestialy, terestrialy na telestialy dia manomana ny olona ho amin' ireo fanjakana sy voninahitra tsirairay avy ireo; 32-35, Ireo izay te hitoetra ao amin' ny fahotana dia mbola mijanona ho maloto; 36-41, Ny fanjakana rehetra diaentina amin' ny lalàna; 42-45, Efa nomen' Andriamanitra ny lalàna ho an' ny zava-drehetra; 46-50, Ho

takatry ny olona na dia Andriamanitra aza; 51-61, Ny fanoharana ny amin' ilay lehilahy izay mandefa ny mpanompony ho any an-tsaha sy ny fisafoany ny tsirairay avy tamin' ny; 62-73, Manakaikeza ny Tompo ianareo dia hahita ny tavany; 74-80, Manamasina ny tenanareo ary mifampianana ny fotopampianaran' ny fanjakana; 81-85, Ny olona tsirairay izay efa nampitandremana dia tokony hampitandrina ny namany; 86-94, Famantarana, fikorontanan' ny singa, ary anjely no manomana ny lalana ho amin' ny fiavian' ny Tompo; 95-102, Fiantsoan' ny trompetran' ny anjely ny maty araka ny fandaminany; 103-116, Filazan' ny trompetran'

6d TSM Famaizana.
e TSM Izao Tontolo
Izao—Faran' ny tany.

7a Etera 8:22-24.
b Jakoba 5:4;
F&F 88:2; 95:7.

8a Mat. 24:15; F&F 45:32;
101:21-22.
b Fan. 3:11.

ny anjely ny famerenana ny filazantsara ho amin' ny laoniny, ny fianjeran' i Babylona ary ny adin' ilay Andriamanitra lehibe; 117-126, Katsaho ny fianarana, aoreno ny tranon' Andriamanitra (ny tempoly) ary atafio ny tenanareo ny famatoran' ny fiantrana; 127-141, Fanazavana ny amin' ny lamin' ny Sekolin' ny Mpaminany ka ao anatin' izany ny ôrdônansin' ny fanasan-tongotra.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminareo izay efa niara-nivory mba handray ny sitrapony momba anareo:

2 Indro, izany dia ankasitrahan' ny Tomponareo ary "miravoravo ny aminareo ny anjely; ny ^bfanampiany fivavakareo dia efa tafakatra any an-tsofin' ny Tompon' ny "Sabaota, ary voarakitra ao amin' ny "bokin' ny anaran' ny nohamasinina, dia ireo izay ao amin' ny tontolo selestialy.

3 Koa irahiko ho aminareo ankehitriny ny "Mpampionona hafa, dia aminareo ry sakaizako, mba hahazoany mitoetra ao am-ponareo, dia ny ^bFanahy Masin' ny fampanantenana; dia Mpampionona hafa iray izay izy ihany, ilay nampanantenaino ny mpianatro, araka izay

voasoratra ao amin' ny teniva-volombelon' i Jaona.

4 Io Mpampionona io no fampanantenana izay omeko anareo ny amin' ny "fiainana mandrakizay, dia ny ^bvoninahitry ny fanjakana selestialy;

5 Dia ny voninahitra izay an' ny fiangonan' ny "Lahimatoa, dia ny an' Andriamanitra, ny masina indrindra amin' ny rehetra, amin' ny alalan' i Jesoa Kristy Zanany—

6 "Izy izay niakatra ho any amin' ny avo tahaka ny ^bnidinany koa ho ambanin' ny zava-drehetra, ka "nahatakarany ny zava-drehetra mba hahatonga Azy ho ao amin' ny rehetra sy amin' ny alalan' ny zava-drehetra, ny "fahazavan' ny fahamarinana;

7 Dia fahamarinana izay mirapiratra. Izany no "fahazavan' i Kristy. Tahaka Azy koa ao amin' ny masoandro sy fahazavan' ny masoandro ary ny hery avy amin' izany izay ^bnanaovana azy.

8 Tahaka Azy koa ao amin' ny volana sy fahazavan' ny volana, ary ny hery avy amin' izany izay nanaovana azy;

9 Tahaka ny fahazavan' ny kintana koa, ary ny hery avy amin' izany izay nanaovana azy ireo;

10 Ary ny tany koa sy ny

88 2a Lio. 15:10.

b Asa 10:1-4.

tsm Vavaka.

d Jakoba 5:4; F&F 95:7.

e tsm Bokin' ny

Fiainana.

3a Jao. 14:16.

b F&F 76:53.

tsm Fanahy Masin'

ny Fampanantenana.

4a F&F 14:7.

b tsm Voninahitra

Selestialy.

5a tsm Lahimatoa.

6a tsm Jesoa Kristy.

b F&F 122:8.

tsm Sorompanavotana.

d tsm Heni-pahalalana.

e F&F 93:2, 8-39.

tsm Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy;

Fahamarinana.

7a Môrô. 7:15-19;

F&F 84:45.

b Gen. 1:16.

tsm Fahariana.

hery avy amin' izany, dia ny tany izay eo amboniny no "ijo-roanareo.

11 Ary ny fahazavana izay mampirapiratra, izay manome anareo fahazavana, dia avy aminy izay manazava ny masonareo, dia ilay fahazavana izay mampahavitrika ny "fahatakaranareo;

12 Izay "fahazavana mivoaka avy eo anatrehan' Andriamanitra mba ^bhameno ny fidadasiky ny habakabaka —

13 Fahazavana izay ao amin' ny "zava-drehetra, izay manome ^baina ny zava-drehetra, dia ^dlalàna izay itondrana ny zava-drehetra, dia ny herin' Andriamanitra izay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany, izay ao anivon' ny mandrakizay, izay eo afovoan' ny zava-drehetra.

14 Ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa amin' ny alalan' ny "fanavotana izay natao ho anareo no anatanterahana ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.

15 Ary ny "fanahy sy ^bvatana no "atao hoe olona velona.

16 Ary ny "fitsanganana amin'

ny maty no fanavotana ny fanahy.

17 Ary ny fanavotana ny fanahy dia amin' ny alalan' Ilay mamelona ny zava-drehetra, izay ao an-tratrany no voatendry fa ny "mahantra sy ny ^bmalemy fanahy amin' ny ^dtany no handova izany.

18 Koa tsy maintsy ilaina ho voadio amin' ny tsy fahamari-nana rehetra izany mba ho azo omanina ho amin' ny "voninahitra selestialy;

19 Fa rehefa nahatratra ny tanjona nahariana azy izany dia hosatrohina "voninahitra, dia ny fanatrehan' Andriamanitra Ray;

20 Mba hahazoan' ny vatana, izay an' ny fanjakana selestialy, "mizaka izany mandrakizay mandrakizay; fa noho io ^btanjona io no nanaovana sy nahariana izany, ary noho io tanjona io no "nanamasinana azy ireo.

21 Ary ireo izay tsy hamasini-na amin' ny alalan' ny lalàna izay efa nomeko anareo, dia ny lalàn' i Kristy, dia tsy maintsy mandova fanjakana iray hafa, dia ny fanjakana terestrialy, na ny telestially.

22 Fa izay tsy afaka mandray

10a Mos. 2:1.

11a TSM Fahatakarana.

12a TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

^b Jer. 23:24.

13a Kol. 1:16-17.

^b Deot. 30:20;

F&F 10:70.

^d Joba 38;

F&F 88:36-38.

TSM Lalàna.

14a TSM Sorompanavotana; Drafitry ny Fanavotana.

15a TSM Olona—Olona, fanahy zanaky ny Ray any an-danitra; Fanahy.

^b TSM Vatana.

^d Gen. 2:7.

TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy).

16a Almà 11:42.

TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

17a TSM Mahantra.

^b TSM Halemempahany.

^d TSM Tany—Toetra faran' ny tany.

18a TSM Voninahitra Selestialy.

19a F&F 130:7-9.

20a F&F 38:20.

^b Mos. 1:39.

TSM Olona—Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra.

^d TSM Fanamasinana.

ny ^alalàn' ny fanjakana selestia-ly dia tsy afaka handray ny voninahitra selestia-ly.

23 Ary izay tsy afaka mandray ny lalàn' ny fanjakana terestria-ly dia tsy afaka handray ny ^avoninahitra terestria-ly.

24 Ary izay tsy afaka mandray ny lalàn' ny fanjakana telestia-ly dia tsy afaka handray ny ^avoninahitra telestia-ly; koa tsy sahaza azy ny fanjakam-boninahitra. Koa tsy maintsy mandray fanjakana izay tsy fanjakam-boninahitra izy.

25 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa mandray ny lalàn' ny fanjakana selestia-ly ny ^atany satria mahatratra ny tanjona nahariana azy izy ary tsy mandika ny lalàna—

26 Koa ^ahohamasinina izy; eny, na dia ho ^bfaty aza izy dia hovelomina indray ary hahatanty ny hery izay amelomana azy, ary ny ^amarina no ^chandova azy.

27 Fa na dia ho faty aza izy ireo dia ^ahitsangana indray ho vatana ^bara-panahy.

28 Ireo izay an' ny fanahy selestia-ly dia handray vatana, izay ilay vatana voajanahary ihany; eny horaisinareo ny vatanareo, ary ny ^avoninahitrareo dia ilay

voninahitra izay ^bhamelona ny vatanareo.

29 Ianareo izay velomin' ny ampahany amin' ny ^avoninahitra ^bselestia-ly amin' izay, dia handray izany ihany, saingy amin' ny fahafenoany.

30 Ary ireo izay velomin' ny ampahany amin' ny ^avoninahitra terestria-ly amin' izay, dia handray izany ihany, saingy amin' ny fahafenoany.

31 Ary ireo izay velomin' ny ampahany amin' ny ^avoninahitra telestia-ly amin' izay, dia handray izany ihany, saingy amin' ny fahafenoany.

32 Ary ireo izay tavela dia ^ahovelomina koa; kanefa dia hiverina indray eo amin' ny toerany ihany izy ireo mba hanana anjara amin' izay ^btiany horaisina, noho izy ireo tsy te hanana anjara amin' izay mety ho noraisiny.

33 Fa inona no soa azon' ny olona raha atolotra azy ny fanomezana kanefa tsy mandray izany izy? Indro tsy mankasitrika izay omena azy izy sady tsy mankasitrika an' ilay mpanome fanomezana.

34 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa izay entin' ny lalàna dia arovan'

22a F&F 105:5.

23a TSM Voninahitra Terestria-ly.

24a TSM Voninahitra Telestia-ly.

25a TSM Tany.

26a TSM Tany—Toetra faran' ny tany.

^b TSM Izao Tontolo Izao—Faran' ny tany.

^d 2 Pet. 3:11–14.

TSM Fahamarinana.

^e Mat. 5:5; F&F 45:58; 59:2; 63:49.

27a TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

^b 2 Tan. 15:44.

28a TSM Fitsarana Farany, Ny.

^b F&F 43:32; 63:51; 101:31.

29a TSM Olona—Olona,

manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra.

^b TSM Voninahitra Selestia-ly.

30a TSM Voninahitra Terestria-ly.

31a TSM Voninahitra Telestia-ly.

32a Almà 11:41–45.

^b TSM Safidy.

ny lalàna ary manjary tanteraka sy “hamasinin’ izany ihany koa.

35 Izay “mandika lalàna sy tsy mandray ny lalàna fa mitady ny ho lalàna ho an’ ny tenany ary te hitoetra ao amin’ ny fahotana, ary mitoetra tanteraka ao amin’ ny fahotana, dia tsy azo hamasinina amin’ ny lalàna, na amin’ ny ^bfamindram-po, na ny ^dfahamarinana, na ny fitsarana. Koa tsy maintsy mbola mijanona ho “maloto izy.

36 Manana lalàna izay nomena ny fanjakana rehetra;

37 Ary misy maro ireo “fanjakana; fa tsy misy velarana izay tsy misy fanjakana; ary tsy misy fanjakana izay tsy misy velarana ao anatiny, na fanjakana lehibe izany na kely.

38 Ary ho an’ ny fanjakana tsirairay dia misy ny “lalàna nomena; ary ho an’ ny lalàna tsirairay dia misy koa ny fetra sy ny fepetra.

39 Ny olona rehetra izay tsy manaraka ireo “fepetra ireo dia tsy ^bhamarinina.

40 Fa ny “faharanitan-tsaina dia miraikitra amin’ ny faharanitan-tsaina; ny ^bfahendrena dia mandray ny fahendrena; ny ^dfahamarinana mifamihina amin’ ny fahamarinana; ny ^ehatsaran-toetra tia ny hatsaran-toetra; ny ^ffahazavana miraikitra amin’

ny fahazavana; ny famindram-po manana “fangorahana ny famindram-po ary mitaky izay azy; ny fahitsiana manohy ny diany ary mitaky izay azy; ny fitsarana mandeha eo anoloan’ ny tavan’ Ilay mipetraka eo amin’ ny seza fiandrianana sy mitondra ary manatanteraka ny zava-drehetra.

41 “Mahatakatra ny zava-drehetra Izy, ary ny zava-drehetra dia eo anoloany, ary ny zava-drehetra dia manodidina Azy; ary Izy dia ambonin’ ny zava-drehetra sy ao amin’ ny zava-drehetra ary mameno ny zava-drehetra ary manodidina ny zava-drehetra; ary ny zava-drehetra dia amin’ ny alalany sy avy Aminy, dia Ilay Andriamanitra mandrakizay mandrakizay.

42 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, efa nomeny ho an’ ny rehetra ny lalàna izay ihetsehan’ izy ireo amin’ ny “fotoany sy ny fizaran-taonany;

43 Ary ny lalan’ izy ireo dia efa raikitra, dia ny lalan’ ireo lanitra sy ny tany, ka anisan’ izany ny tany sy ireo planeta rehetra.

44 Ary izy ireo dia mifanome “hazavana amin’ ny fotoany sy amin’ ny fizaran-taonany, amin’

34a TSM Fanamasinana.

35a TSM Fikomiana.

b TSM Famindram-po.

d TSM Fahamarinana.

e Fan. 22:11;

1 Ne. 15:33–35;

2 Ne. 9:16; Almà 7:21.

37a F&F 78:15.

38a F&F 88:13.

39a F&F 130:20–21.

b TSM Manamarina.

40a TSM Faharanitan-Tsaina.

b TSM Fahendrena.

d TSM Fahamarinana.

e TSM Hatsaran-toetra.

f TSM Fahazavana, Fahazavan’ i Kristy.

g TSM Fangorahana.

41a 1 Jn. 3:20; 1 Ne. 9:6;

2 Ne. 9:20;

F&F 38:1–3.

TSM Heni-pahalalana.

42a Dan. 2:20–22;

Abr. 3:4–19.

44a TSM Fahazavana, Fahazavan’ i Kristy.

ny minitrany, amin' ny orany, amin' ny androny, amin' ny herinandrony, amin' ny volany, amin' ny taonany—ireo rehetra ireo dia taona 'iray ho an' Andriamanitra fa tsy ho an' ny olona.

45 Mihodina amin' ny elany ny tany, ary ny "masoandro dia manome ny hazavany amin' ny antoandro, ary ny volana manome ny hazavany amin' ny alina, ary ny kintana koa dia manome ny hazavany raha mbola mihodina amin' ny elany ao amin' ny voninahiny, eo afovoan' ny 'herin' Andriamanitra.

46 Amin' ny inona no hanoharako ireo fanjakana ireo mba hahatakaranareo izany?

47 Indro, ireo rehetra ireo dia fanjakana, ary izay olona efa nahita ny iray na ny madinika indrindra tamin' ireo dia efa "nahita an' Andriamanitra mi-hetsika ao amin' ny fahandrianany sy ny heriny.

48 Hoy Aho aminareo, efa nahita Azy izy; kanefa Izy ilay tonga tany amin' ny "Azy dia tsy nisy nahazo.

49 Ny "hazavana dia mamirapiratra ao amin' ny haizina ary tsy azon' ny haizina izany; kanefa ho avy ny andro izay 'hahazoanareo na dia Andriamanitra aza, rehefa velomina ao Aminy sy amin' ny alalany ianareo.

50 Amin' izay dia ho fantatra-reo fa efa nahita Ahy ianareo, fa Izy Aho, fa Izaho no ilay haza-

vana marina izay ao aminareo, ary ianareo dia ato amiko; raha tsy izany dia tsy ho afaka ny hiroborobo ianareo.

51 Indro, ireo fanjakana ireo dia hohariko amin' ny lehilahy iray manana saha, ary nirahiny ireo mpanompony ho any antsaha mba hiasa eo an-tsaha.

52 Ary hoy izy tamin' ilay voalohany: Mandehana ianao ary miasa any an-tsaha, ary amin' ny ora voalohany dia hankany aminao aho ary ho hitanao ny fifaliana eo amin' ny tavako.

53 Ary hoy izy tamin' ilay faharoa: Mandehana koa ianao mankany an-tsaha, ary amin' ny ora faharoa, dia hamangy anao aho miaraka amin' ny fifaliana eo amin' ny tavako.

54 Ary tamin' ilay fahatelo koa, nanao hoe: Hamangy anao aho;

55 Ary tamin' ilay fahefatra, ary dia toy izany hatrany amin' ilay faharoa ambin' ny folo.

56 Ary ny Tompon' ny saha dia nandeha tany amin' ilay voalohany tamin' ny ora voalohany ary niara-nitoetra taminy nandritra izany ora manontolo izany, ary nampifaly azy ny hazavan' ny tavan' ny tompony.

57 Ary rehefa izany, dia niala teo amin' ilay voalohany izy mba hahazoany mamangy koa ny faharoa sy ny fahatelo sy ny fahefatra ary dia toy izany hatrany amin' ny faharoa ambin' ny folo.

44b Sal. 90:4; 2 Pet. 3:8.
45a Gen. 1:16; Abr. 4:16.
b F&F 88:7-13.
47a Almà 30:44;

Mos. 1:27-28; 6:63;
Abr. 3:21.
48a Jao. 1:11; 3 Ne. 9:16;
F&F 39:1-4.

49a F&F 6:21; 50:23-24;
84:45-47.
b Jao. 17:3;
F&F 93:1, 28.

58 Ary dia toy izany no nandraisan' izy rehetra ny hazavan' ny tavan' ny tompony, ny olona tsirairay tamin' ny orany sy ny fotoany ary ny fizaran-taonany avy —

59 Nanomboka tamin' ny voalohany, ary dia toy izany hatrany amin' ny farany, ary hatrany amin' ny farany ka hatrany amin' ny voalohany, ary hatrany amin' ny farany;

60 Ny olona tsirairay araka ny filaharany avy ambara-pahatapitry ny orany, araka izay efa nandidian' ny tompony azy, mba hahazoana mankalaza ny tompony ao aminy ary izy ao amin' ny tompony, mba hahazoana mankalaza azy rehetra.

61 Koa, ireo fanjakana rehetra ireo sy ny mponina ao aminy dia hohariko amin' io fanoharana io — ny fanjakana tsirairay amin' ny orany sy ny fotoany ary ny fizaran-taonany, dia araka ny didim-pitondrana izay efa nataon' Andriamanitra.

62 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa ry "sakaizako, avelako aminareo ireny teny ireny mba ^bhosaintsaininareo ao am-ponareo, miaraka amin' izao didy izay

omeko anareo izao, dia ny ^dhiantsoanareo Ahy dieny mbo-la akaiky aho —

63 "Manakaikiza Ahy dia hanaikaiky anareo Aho; ^btadiavo fatratra Aho dia ^dhahita Ahy ianareo; mangataha dia hahazo ianareo, dondòny dia hovohana ianareo.

64 Na inona na inona "angatahinareo amin' ny Ray amin' ny anarako, ka ^bilainareo, dia homena anareo izany;

65 Ary raha mangataka zava-tra izay tsy "ilainareo ianareo dia hivadika ho ^bfanamelohana ho anareo izany.

66 Indro, izay renareo dia tahaka ny "feon' ilay miantso any an' efitra — any an' efitra satria tsy afaka ny hahita azy ianareo — ny feoko satria ny feoko dia ^bFanahy; ny Fanahiko dia ^dfahamarinana; ny fahamari-nana dia mitoetra ary tsy manam-pahataperana; ary raha ao aminareo izany dia hamoa be dia be.

67 Ary raha tsy "mibanjina afa-tsy ny ^bvoninahitro ny masonareo, dia ho feno fahazavana ny vatanareo manontolo ka tsy hisy haizina ao aminareo; ary izany vatana izay feno hazavana izany dia ^dmahatakatra ny zava-drehetra.

59a Mat. 20:1–16.

61a F&F 76:24.

62a F&F 84:63; 93:45.

^b TSM Misaintsaina.

^d Isa. 55:6; Jakoba 1:5; F&F 46:7.

63a Zak. 1:3; Jakoba 4:8; Fan. 3:20.

^b 1 Tan. 28:9; Etera 12:41; F&F 101:38.

^d F&F 4:7; 49:26.

64a TSM Vavaka.

^b F&F 18:18; 46:28–30.

65a Jakoba 4:3.

^b F&F 63:7–11.

66a Isa. 40:3; 1 Ne. 17:13; Almà 5:37–38; F&F 128:20.

^b TSM Fanahy Masina; Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

^d TSM Fahamarinana.

67a Mat. 6:22;

Lio. 11:34–36;

F&F 82:19.

^b Jao. 7:18.

^d Ohab. 28:5; F&F 93:28.

TSM Mamantatra,

Fanomezam-pahasoavana Hoenti-.

68 Koa “manamasina ny tenanareo mba tsy hibanjina afa-tsy Andriamanitra ny ^bsainareo, dia ho avy ny andro izay ^ahahitanareo Azy; fa hasehony anareo ny tavany ary izany dia ho amin’ ny fotoany sy araka ny fomba-ny ary araka ny sitrapony.

69 Tadidio ilay fampanantenana lehibe sady farany izay efa nataoko taminareo; ario lavitra anareo ny ^ahevi-dravinareo sy ny ^btokelakareo tafahoatra.

70 Mitomoera ianareo, mitomoera ianareo eo amin’ ity toerana ity ary miantsoa fivoriana masina, dia ny fivorian’ ireo izay efa mpiasa voalohany ao amin’ ity fanjakana farany ity.

71 Ary aoka ireo izay efa ^anampitandremany tamin’ ny diany hiantso ny Tompo ka hisaintsaina ao am-pony mandritra ny fotoana fohy ny fampitandremana izay efa noraisiny.

72 Indro ka jereo, hiahy ny ondrinareo Aho ka hanangana loholona ary haniraka azy ireo ho any aminy.

73 Indro, hohafainganiko amin’ ny fotoany ny asako.

74 Ary omeko anareo izay ^ampiasa voalohany ao amin’ ity fanjakana farany ity ny didy,

mba hiarahanareo mivory ary handaminanareo ny tenanareo sy ^bhanamasinanareo ny tenanareo; eny, diovy ny fonareo ary ^asasao eo anoloako ny tananareo sy ny tongotrareo mba hahazoa-ko ^amanadio anareo;

75 Mba hahazoako mijoro ho vavolombelona amin’ ny ^aRainareo sy Andriamanitrareo ary Andriamanitro, fa ianareo dia madio amin’ ny ran’ ity taranaka mamohetra ity; mba hahazoako manatanteraka ity fampanantenana ity, rehefa sitrako, dia ity fampanantenana lehibe sady farany izay efa nataoko taminareo ity.

76 Omeko anareo koa ny didy mba hanohizanareo ny ^avavaka sy ny ^bfifadian-kanina hatramin’ izao.

77 Ary omeko anareo ny didy mba ^ahifampianaranareo ny ^bfotopampianaran’ ny fanjakana.

78 Mampianara amin’ ny fahazotoana tokoa dia homba anareo ny ^afahasoavako, mba hahazoana ^bmampianatra anareo misimisy kokoa ny amin’ ny foto-pisainana, ny amin’ ny fitsipika, ny amin’ ny fotopampianarana, ny amin’ ny lalan’ ny filazantsara, ny amin’ ny zavadrehetra izay mikasika ny fanja-

68a TSM Fanamasinana.

b TSM Saina.

d F&F 67:10–13; 93:1; 97:15–17.

69a Mat. 12:36;

Môsà 4:29–30;

Almà 12:14.

b F&F 59:15; 88:121.

71a TSM Fampitandremana.

74a Mat. 20:1, 16.

b Lev. 20:7–8;

3 Ne. 19:28–29;

F&F 50:28–29; 133:62.

d TSM Madio sy Tsy

Madio.

e Etera 12:37.

75a TSM Andriamanitra—

Andriamanitra Ray;

Ray any An-danitra;

Olonà—Olonà,

fanahy zanaky ny

Ray any an-danitra.

76a TSM Vavaka.

b TSM Fifadian-kanina.

77a TSM Mampianatra.

b TSM Fotopampiana-

ran’ i Kristy.

78a TSM Fahasoavana.

b F&F 88:118; 90:15;

93:53.

kan' Andriamanitra izay ilaina ho takatrarao;

79 Ny amin' ny zavatra any "an-danitra sy etỳ an-tany ary any ambanin' ny tany; zavatra izay efa nisy, zavatra izay misy, ary zavatra izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela; zavatra izay eo an-toerana, zavatra izay any ivelany; ny ^bady sy ny fisavoro-voroan' ireo firenana, ary ny famaliana izay eo amin' ny tany; ary fahalalana koa ireo firenena sy ireo fanjakana—

80 Mba hahatonga anareo ho vonona amin' ny zava-drehetra, rehefa hirahiko indray ianareo mba hanandriana ny antso efa niantsoako anareo sy ny asa fitoriana izay efa nanendreko anareo.

81 Indro, naniraka anareo Aho ho "vavolombelona manambara sy hampitandrina ny olona, ary ilaina ny olona nampitandremana mba ^bhampitandrina ny namany.

82 Koa tsy manana fialantsiny izy ary ny fahotany dia eo ambony lohany ihany.

83 Izay "fatra-^bpitady Ahy dia hahita Ahy ary tsy hafoy.

84 Koa mitomoera ianareo ary miasà fatratra hahazoana manao anareo ho tanteraka eo

amin' ny asa fanompoanareo, dia ny handeha any anivon' ny "Jentilisa indray mandeha farany, dia ireo rehetra izay hotononin' ny vavan' ny Tompo anarana mba ^bhamehy ny lalàna sy hanisy tombo-kase ny tenivavolombelona ary hanomana ny olomasina ho amin' ny ora fitsarana izay ho avy;

85 Mba hahazoan' ny fanahiny miala ny fisafoahan' Andriamanitra, ny "fandravan' ny fahavetavetana izay miandry ny olondratsy, na eo amin' ity fiainana ity na amin' ny fiainana ho avy. Lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ireo izay loholona voalohan' ny hanohy eo amin' ny tanimboaloboka mandra-^bpiantson' ny vavan' ny Tompo azy ireo satria tsy mbola tonga ny fotoan' izy ireo; tsy ^dradio amin' ny ran' ity taranaka ity ny fitafiany.

86 Mitomoera ao amin' ny "fahafahana izay ^bnanafahana anareo; aza ^dmaningotra ny tenanareo amin' ny ^efahotana, fa aoka ho ^fradio ny tananareo ambara-piavin' ny Tompo.

87 Fa tsy firy ny andro ho lasa hatramin' izao, dia "hihorohoro ny ^btany ary hivembena etsy sy eroa toy ny olona mamo; ary hanafina ny tavany ny ^dmasoandro

79a TSM Lanitra.

b TSM Ady.

81a TSM Mijoro ho

Vavolombelona.

b F&F 63:58.

TSM Fampitandremana.

83a Deot. 4:29–31;

Jer. 29:12–14;

F&F 54:10.

b Almà 37:35.

84a JS—T 1:41.

b Isa. 8:16–17.

85a Mat. 24:15.

b F&F 11:15.

d 1 Ne. 12:10–11;

Jakôba 1:19; 2:2;

F&F 112:33.

TSM Madio.

86a Môsià 5:8.

TSM Fahalalahana.

b Jao. 8:36.

TSM Safidy; Afaka.

d Gal. 5:1.

e TSM Fahotana.

f Joba 17:9;

Sal. 24:4;

Almà 5:19.

87a F&F 43:18.

b Isa. 13:4–13.

d Joe. 2:10;

F&F 45:42; 133:49.

ka handà ny hanome hazavana; ary ny volana dia hampandroina amin' ny ^ara; ary ho tezitra izaitsizy tokoa ny ^akintana ka hira-raka amin' ny tany toy ny aviavy izay mihintsana amin' ny hazony.

88 Ary aorian' ny tenivavolombelonareo dia ho tonga amin' ny olona ny fisafoahana sy ny fahavinirana.

89 Satria aorian' ny tenivavolombelonareo dia tonga ny tenivavolombelon' ny ^ahorohoron-tany izay hahatonga toreo any anivony, ary ho lavo amin' ny tany ny olona ka tsy hahajoro.

90 Ary tonga koa ny tenivavolombelon' ny ^afeom-baratra sy ny feon' ny tseletra, ary ny feon' ny tafio-drivotra sy ny feon' onjan-dranomasina miantoraka any ankoatra ny morony.

91 Ary ^ahisamboaravoara ny zava-drehetra; ary ho ketraka marina tokoa ny fon' ny olona; fa ho tonga amin' ny olon-drehetra ny tahotra.

92 Ary hanidina eo afovoan' ny lanitra ireo ^aanjely, hihiaka amin' ny feo mahery sady hitsoka ny trompetran' Andriamanitra, manao hoe: Miomàna ianareo, miomàna ianareo ô, Ry mponin' ny tany; fa avy ny

fitsaran' Andriamanitsika. Indro ary jereo, avy ny ^bMpampakatra; mivoaha mba hitsena Azy.

93 Ary eo no ho eo dia hisy ^afamantarana lehibe hiseho eny amin' ny lanitra, ary hiarahahita izany ny olon-drehetra.

94 Ary hitsoka ny trompetran' ny anjely iray hafa, hanao hoe: Ilay ^afiangonana ^blehibe, ny ^drenin' ny fahavetavetana, ilay nampisotro ny firenendrehetra tamin' ny divain' ny fisafoahan' ny ^afijangajangany, ilay manenjika ny olomasin' Andriamanitra, ilay nandatsaka ny rany—izy ilay mipetraka eo amin' ny rano maro sy amin' ireo nosin-dranomasina—indro, izy no ^ftsimparifarin' ny tany; izy dia voafatotra ho fehezana; natao mafy ny fatorany, tsy misy olona afaka mamaha izany; koa, efa vonona ny ^ghodorana izy. Ary hotsofiny maharitra sady mafy ny trompetran' ka handre izany avokoa ireo firenena.

95 Ary hisy ^afahanginana mandritra ny antsasak' adiny any an-danitra; ary aorian' izany avy hatrany no hanokafana ny lambam-baravaran' ny lanitra toy ny hamelarana ^bhoronantaratasany avy nahorona, ary haseho ny ^dtavan' ny Tompo;

87e Fan. 6:12.

f Joe. 3:15.

89a F&F 45:33.

90a Fan. 8:5;

F&F 43:17–25.

91a F&F 45:26.

92a Fan. 8:13;

F&F 133:17.

b Mat. 25:1–13;

F&F 33:17; 133:10, 19.

93a Mat. 24:30;

Lio. 21:25–27.

TSM Famantarana'

Ireo Fotoana.

94a TSM Devoly—Ny

fiangonan' ny

devoly.

b 1 Ne. 13:4–9.

d Fan. 17:5.

e Fan. 14:8.

f Mat. 13:38.

g F&F 64:23–24;

101:23–25.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

95a F&F 38:12.

b Fan. 6:14.

d TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

96 Ary ny olomasina izay etỳ an-tany, izay velona, dia ham-pahavitrihana sy “hakarina mba hitsena Azy.

97 Ary ireo izay efa matory ao am-pasana dia “hivoaka satria hovohana ny fasany; ary hakarina koa izy ireo hitsena Azy eo afovoan’ ny andrin’ ny lanitra —

98 An’ i Kristy izy ireo, ny “voaloham-bokatra, ireo izay hiara-hidina Aminy voalohany, ary ireo izay etỳ an-tany sy ao am-pasana izay hakarina voalohany mba hitsena Azy; ary izany rehetra izany dia amin’ ny alalan’ ny feo sy ny fanenon’ ny trompetran’ ny anjelin’ Andriamanitra.

99 Ary aorian’ izany dia hitso-ka ny anjely iray hafa, izany no trompetra faharoa; ary amin’ izany dia tonga ny fanavotana ireo izay an’ i Kristy amin’ ny fiaviany; izay efa nandray ny anjarany tao amin’ ilay “trano-maizina izay efa voaomana ho azy ireo mba hahazoany mandray ny filazantsara ka ^bhotsa-raina araka ny olona ao amin’ ny nofo.

100 Ary ankoatra izany dia haneno ny trompetra iray hafa, dia ny trompetra fahatelo; ary amin’ izany dia hivoaka “ny fanahin’ ireo olona izay hotsa-

raina sy hita ho eo ambanin’ ny ^bfanamelohana;

101 Ary ireo no ambiny amin’ ny “maty; ary tsy velona indray ireo raha tsy efa mifarana ny ^barivo taona, raha tsy aorian’ ny fiafaran’ ny tany.

102 Ary haneno ny trompetra iray hafa, dia ny trompetra fa-hefatra, hanao hoe: Ho hita eo anivon’ ireo izay hitoetra ambara-pahatongan’ izany andro lehibe sady farany izany, dia ny fiafarana, ireo izay mbola hitoetra ho “maloto.

103 Ary haneno ny trompetra iray hafa, dia ny trompetra fahadimy, dia ny anjely fahadimy — manidina eo afovoan’ ny lanitra — izay manolotra ny “filazantsara maharitra mandrakizay amin’ ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra;

104 Ary izao no ho fanenon’ ny trompetrany, milaza amin’ ny olon-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany na ambanin’ ny tany — fa ny sofina “tsirairay dia handre izany, ary ny lohalika rehetra ^bhitsaoka, ary ny lela rehetra hiaiky, raha reny ny fanenon’ ny trompetra, hanao hoe: “Matahora an’ Andriamanitra ka omeo voninahitra izy izay mipetraka eo amin’ ny seza fiandrianana mandrakizay

96a 1 Tes. 4:16–17.

97a F&F 29:13; 45:45–46; 133:56.

TSM Fitsanganana amin’ ny Maty.

98a 2 Tan. 15:23.

99a F&F 76:73; 138:8.

TSM Famonjena ho an’ ny Maty.

^b 1 Pet. 4:6.

100a Fan. 20:12–13;

Almà 11:41;

F&F 43:18; 76:85.

^b TSM Fanamelohana.

101a Fan. 20:5.

^b TSM Arivotaona.

102a TSM Fahalotoana.

103a Fan. 14:6–7.

TSM Famerenana amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.

104a Fan. 5:13.

^b Isa. 45:23;

Filip. 2:9–11.

^d TSM Tahotra — Tahotra an’ Andriamanitra; Fanajana.

mandrakizay; fa efa tonga ny ora fitsarany.

105 Ary ankoatra izany dia hitsoka ny trompetrany ny anjely iray hafa, dia ny anjely fahenina, hanao hoe: “Lavo izy, ilay nam-pisotro ny firenen-drehetra ny divain’ ny fisafoahan’ ny fijan-gajangany; lavo izy; lavo!”

106 Ary ankoatra izany dia hitsoka ny trompetrany ny anjely iray hafa, dia anjely fahafito, hanao hoe: Vita; vita! Ny “Zana-kondrin’ Andriamanitra dia efa ^bnandresy sy ^dnanosihosy ny famiazam-boaloboka irery, dia ny famiazam-boaloboky ny firehetan’ ny fisafoahan’ Andriamanitra Tsitoha.

107 Ary amin’ izany dia hosatohana ny voninahitry ny heriny ireo anjely ary hofenoina ny “voninahiny ireo ^bolomasina ka handray ny ^dlovany sy hatao ^emitovy Aminy.

108 Ary amin’ izany dia hitso-ka ny trompetrany eo an-tsofin’ ny manan’ aina rehetra ny anjely voalohany ary “hanambara ny asa miafin’ ny olona sy ny asa maherin’ Andriamanitra ao amin’ ny ^barivo taona voalohany.

109 Ary amin’ izany dia hitso-ka ny trompetrany ny anjely faharoa ary hanambara ny asa miafin’ ny olona mbamin’ ny

eritreritra sy ny fisaintsainan’ ny fony ary ny asa maherin’ Andriamanitra amin’ ny arivo taona faharoa —

110 Ary dia izany hatrany ambara-pitsokan’ ny anjely fahafito ny trompetrany; ary hijoro eo ambonin’ ny tany sy eo ambonin’ ny ranomasina izy ary hianiana amin’ ny anaran’ Ilay mipetraka eo amin’ ny seza fiandrianana fa tsy hisy intsony ny ^afotoana; ary hofatorana i ^bSatana, ilay menarana ela izay atao hoe ny devoly, ka tsy hovahana mandritra ny ^darivo taona.

111 Rehefa izany dia “hovahana mandritra ny fotoana fohy izy mba hahazoany manangona ny miaramilany.

112 Ary i “Mikaela, ilay anjely fahafito, ilay arakanjely dia hanangona ny miaramilany; dia ny tafiky ny lanitra.

113 Ary hanangona ny miaramilany ny devoly, dia ny tafiky ny helo, ka hiakatra mba hiady amin’ i Mikaela sy ny miaramilany.

114 Ary amin’ izany dia ho tonga ny ^aadin’ ilay Andriamanitra lehibe; ary ny devoly sy ny miaramilany dia horoahina hankany amin’ ny toerany iha-ny ka tsy hanana hery intsony mihitsy amin’ ny olomasina.

115 Fa i Mikaela dia hiady ny

105a Fan. 14:8;
F&F 1:16.

106a TSM Zanakondrin’
Andriamanitra.
b 2 Tan. 15:25.
d Isa. 63:3–4;
Fan. 19:15;
F&F 76:107; 133:50.

107a TSM Voninahitra
Selestialy.
b TSM Olomasina.
d TSM Fisandratana.
e F&F 76:95.

108a Almà 37:25; F&F 1:3.
b F&F 77:6–7.
110a F&F 84:100.

b Fan. 20:1–3;
1 Ne. 22:26;
F&F 101:28.
TSM Devoly.

d TSM Arivotaona.

111a F&F 29:22; 43:30–31.
112a TSM Mikaela.
114a Fan. 16:14.

adiny ary handresy ilay “mika-tsaka ny seza fiandrianan’ Ilay mipetraka eo amin’ ny seza fiandrianana, dia ny Zanakondriny.

116 Izany no voninahitr’ Andriamanitra sy ny “nohamasini-na; ary tsy hahita ^bfahafatesana intsony izy ireo.

117 Koa lazaiko marina aminareo tokoa ry “sakaizako, ataovy ny fivorianareo masina, araka izay efa nandidiako anareo.

118 Ary satria tsy manana finoana ny rehetra, dia mikatsaha fatratra sy “mifampianara ny teny ^bfahendrena ianareo; eny, katsahonareo ao amin’ ny “boky tsara indrindra ny teny fahendrena; katsahonareo ny fianarana amin’ ny alalan’ ny fandinihana ary koa amin’ ny alalan’ ny finoana.

119 Mifandamina ianareo; omanon’ ny zavatra rehetra ilaina, ary manorena “trano, dia tranon’ ny vavaka, tranon’ ny fifadiankanina, tranon’ ny finoana, tranon’ ny fianarana, tranon’ ny voninahitra, tranon’ ny filaminana, tranon’ Andriamanitra;

120 Mba ho amin’ ny anaran’ ny Tompo ny fidiranareo; mba ho amin’ ny anaran’ ny Tompo ny fivoahanareo; mba ho amin’ ny anaran’ ny Tompo ny fifampiarahabanareo rehetra amin’

ny fananganana ny tanana ho amin’ ny Avo Indrindra.

121 Koa “atsaharo ny resaka kitoatoanareo rehetra, ny ^btsikanikaninareo rehetra, ny ^dfaniriana ara-nofo rehetra, ny ^efiavonavonareo sy ny hamai-vanan-tsainareo rehetra ary ny fanaovanareo ratsy rehetra.

122 Manendre mpampianatra iray eo anivonareo, ary aoka tsy indray ho mpitondra teny ny rehetra; fa aoka hiteny tsirairay ary hihaino izay lazaina ny rehetra, ka rehefa avy miteny ny rehetra, dia ho azo aorina ny rehetra amin’ ny alalan’ ny rehetra, mba hananan’ ny olona tsirairay zo mitovy.

123 Ataovy izay “hifankatiavonareo; atsaharo ny ^bfitsiriritana; mianara mifampizara araka ny takian’ ny filazantsara.

124 Atsaharo ny “fidonanahapoana; atsaharo ny tsy fahadiovana; atsaharo ny ^bfifanomezantsiny; atsaharo ny fatoriana mihoatra noho izay ilaina; vonjeo aloha ny fandrianareo mba tsy hahatonga anareo ho reraka; mifohaza aloha mba hahatonga ny vatanareo sy ny sainareo ho mavitrika.

125 Ary ambonin’ ny zavadrehetra, dia atafio ny tenanareo toy ny kapaoty ny famatoran’

115a Isa. 14:12–17;
Mos. 4:1–4.

116a TSM Fisandratana;
Fanamasinana.

^b Fan. 21:4;
Almà 11:45; 12:18;
F&F 63:49.

TSM Tsy
Fahafatesana.

117a F&F 109:6.

118a F&F 88:76–80.

TSM Mampianatra.

^b TSM Fahendrena.

^d F&F 55:4; 109:7, 14.

119a F&F 95:3; 97:10–17;
109:2–9; 115:8.

TSM Tempoly,
Tranon’ ny Tompo.

121a F&F 43:34; 100:7.

^b F&F 59:15; 88:69.

^d TSM Ara-nofo.

^e TSM Fiavonavonana.

123a TSM Fitiavana.

^b TSM Mitsiriritra.

124a TSM Midonana-poana.

^b F&F 64:7–10.

TSM Fitenenandratsy.

ny “fiantrana, dia ny famatoran’ ny fahatanterahana sy ny ^bfia-danana izany.

126 “Mivavaha mandrakariva mba tsy ho kivy mandra-^bpiaviko. Indro ka jereo, ho avy faingana Aho ary handray anareo ho any Amiko. Amena.

127 Ary ankoatra izany, ny fandaminana ny trano voaomana ho an’ ny fiadidiana ny “sekolin’ ny mpaminany, voaorina ho fampianarana azy ireo ny zavatra rehetra izay ilain’ izy ireo, dia ireo rehetra ^bmpitarika ny fiangonana, na amin’ ny teny hafa, ireo izay voantso ho amin’ ny asa fanompoana ao am-piangonana, manomboka amin’ ny mpisorona avo ka hatramin’ ny diakona—

128 Ary izao no ho fandaminana ny tranon’ ny fiadidiana ny sekoly: Izay voatendry ho filoha na ho mpampianatra dia ho hita hijoro eo amin’ ny toerany, ao amin’ ny trano izay homanina ho azy.

129 Koa izy dia ho voalohany ao an-tranon’ Andriamanitra, eo amin’ ny toerana izay haharenesan’ ny mpiangona ny teniny mazava sy miavaka tsara ka tsy ilana ny hitenany mafy.

130 Ary rehefa miditra ny tranon’ Andriamanitra izy, satria izy dia tokony ho voalohany ao an-trano—indro, izany dia mahafinaritra, mba hahatonga azy ho faka tahaka—

131 Aoka izy handohalika ka “hanolotra ny tenany amin’ ny vavaka eo anoloan’ Andriamanitra ho marika na ho fahatsiarovana ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay.

132 Ary rehefa misy miditra ao aoriany dia aoka hitsangana ny mpampianatra, ary amin’ ny tanana misandratra ho amin’ ny lanitra, eny, mivantana, no iarahabany ny rahalahiny na ireo rahalahiny amin’ ireto teny ireto:

133 Moa va ianao rahalahy na ianareo rahalahy? Izaho miarahaba anao amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy Tompo, ho marika na ho fahatsiarovana ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay, dia fanekempihavanana izay andraisako anao “amim-pirahalalahiana omban’ ny finiavana izay mitoetra, tsy miova ary tsy mety lefy, ny mba ho namanao sy ho ^brahalahinao amin’ ny alalan’ ny fahasoavan’ Andriamanitra, ao amin’ ny famatoran’ ny fitiavana, ny mba handeha tsisy tsiny araka ny didin’ Andriamanitra rehetra, amin’ ny fanateran-tsaotra mandrakizay mandrakizay. Amena.

134 Ary izay hita ho tsy mendrika izany fiarahabana izany dia tsy hanana toerana eo anivonareo, fa tsy havelanareo “holotoiny ny tranoko.

135 Ary izay miditra ka mahatoky eo anoloako, ary rahalahy izy na rahalahy izy ireo, dia

125a TSM Fiantrana.

b TSM Fiadanana.

126a TSM Vavaka.

b F&F 1:12.

127a TSM Sekolin’ Ireo

Mpaminany.

b TSM Anjara

Fanompoana.

131a TSM Fitsaohana.

133a TSM Fihavanana.

b TSM Rahalahy;

Rahavavy.

134a F&F 97:15–17;

110:7–8.

hiarahaba ny filoha na ny mpampianatra amin' ny fanandratana ny tanana amin' ny lanitra, miaraka amin' io vavaka sy fanekepiahavanana io ihany, na amin' ny fanaovana Amena ho marik' izany ihany.

136 Indro, lazaiko aminareo marina tokoa, izany no fianarana ho anareo ho fifampiarahabana ao an-tranon' Andriamanitra, ao amin' ny sekolin' ny mpaminany.

137 Ary antsoina ianareo hanao izany amin' ny alalan' ny vavaka sy ny fanateran-tsaotra araka izay hampitenenan' ny Fanahy, amin' ny ataonareo rehetra ao an-tranon' ny Tompo, ao amin' ny sekolin' ny mpaminany, mba hahatonga izany ho fitoera-masina, ho tabernakelin' ny Fanahy Masina, ho "fampiorenana anareo.

138 Ary tsy hisy horaisinareo ho eo anivonareo ao amin' ity sekoly ity afa-tsy izay madio amin' ny "ran' ity taranaka ity;

139 Ary izy dia horaisina amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny "fanasan-tongotra, satria noho izany antony izany no nananganana ny ôrdônansin' ny fanasan-tongotra.

140 Ary ankoatra izany, ny ôrdônansin' ny fanasan-tongotra dia tokony hokarakarain' ny filoha na ny loholona mpiahy ny fiangonana.

141 Izany dia hatomboka amin' ny vavaka; ary aorian' ny "fandraisana ny mofo sy ny divay dia hisikina ny tenany araka ny "toromarika omena ao amin' ny toko fahatelo ambin' ny folon' ny tenivavolombelon' i Jaona momba Ah. Amena.

FIZARANA 89

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 27 Febroary 1833 (History of the Church, 1:327–329). Ho setrin' ny fampiasan' ireo rahalahy tamin' izany fotoana izany ny paraky sy ny sigara tamin' ny fivoriana, dia voatarika ny Mpaminany mba hisaintsaina ny amin' ilay toe-draharaha; koa nanontany ny Tompo ny momba izany izy. Ity fanambarana fantatra amin' ny hoe ny Tenin' ny Fahendrena ity no valiny. Ireo andininy telo voalohany dia nosoratan' ny Mpaminany noho ny fitaoman' ny Fanahy ho toy ny fampidirana sy filazalazana.

1–9, Voarara ny fampiasana divay, ny zavapisotro mahery, ny paraky sy ny sigara ary ny zavapisotro mahamay; 10–17, Voatendry ham-

piasain' ny olona sy ny biby ny zavamaniry, ny voankazo sy ny hena ary voan-javamaniry; 18–21, Ny fankatoavana ny lalàn' ny

137a F&F 50:21–24.
138a F&F 88:74–75,
84–85.

139a TSM Fanasana.
141a TSM Fanasan' ny
Tomo.

b Jao. 13:4–17.

filazantsara, anisan' izany ny Tenin' ny Fahendrena, dia mitondra fitahiana ara-nofa sy ara-panahy.

NY ^aTENIN' NY FAHENDRENA, ho tombontsoan'ny filankevitry ny mpisorona avo nivory tao Kirtland sy ny fiangonana ary koa ny olomasina ao Ziona—

2 Halefa ho fiarahabana; tsy amin' ny fandidiana na ny fanerena, fa amin' ny alalan' ny fanambarana sy ny tenin' ny fahendrena izay maneho ny lamina sy ny ^asitrapon' Andriamanitra amin' ny famonjena ny vatan' ny olomasina rehetra amin' ny andro farany—

3 Nomena ho fitsipika omban' ny ^afampanantenana, sahaiza ny fahafaha-manaon' ny osa sy ny osa indrindra amin' ny ^bolomasina rehetra, izay olomasina na azo atao hoe olomasina.

4 Indro, toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminareo: Noho ny ^asain-dratsy sy ny fikasana izay misy sy hisy ao ampon' ny ^bmpiaramioko amin' ny andro farany no efa ^anampitandremako anareo sy efa ilazako mialoha aminareo amin' ny fanomezana anareo ity tenin' ny fahendrena ity amin' ny alalan' ny fanambarana—

5 Fa raha misy olona any anivonareo misotro ^adivay na

zavapisotro mahery, dia indro tsy tsara sady tsy mety eo imason' ny Rainareo izany afa-tsy amin' ny fiarahanareo mivory mba hanatitra ny fanati-pisaoranareo eo anoloany.

6 Ary indro, izany dia tokony ho divay, eny, divay ^atsy misy fangarony avy amin' ny voan' ny voaloboka sady namboarinareo.

7 Ary ankoatra izany, ny zavapisotro ^amahery dia tsy natao ho an' ny kibo fa ho fanasana ny vatanareo.

8 Ary ankoatra izany, ny paraky sy ny sigara dia tsy natao ho an' ny ^avatana na ho an' ny kibo ary tsy tsara ho an' ny olona, fa raokandro kosa natao ho an' ny fahamanganana sy ny biby marary rehetra ka hampiasaina amin' ny fandanjalanjana sy ny fahaiza-manao.

9 Ary ankoatra izany, ny zavapisotro mahamay dia tsy natao ho an' ny vatana na ny kibo.

10 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo marina tokoa, ny ^araokandro mahasalama rehetra dia efa voatendrin' Andriamanitra ho an' ny rafi-batana, ny toetra ary ho fampiasan' ny olona—

11 Ny raokandro tsirairay amin' ny vanim-potoany avy, ary ny voankazo tsirairay amin' ny fotoany avy; ireo rehetra ireo

89 1a TSM Tenin' ny Fahendrena.
2a F&F 29:34.
TSM Didin' Andriamanitra.
3a F&F 89:18-21.
b TSM Olomasina.
4a TSM Fitaka.

b TSM Tsikombakomba Mifaina.
d TSM Fampitandremana.
5a Lev. 10:9-11;
Isa. 5:11-12;
2 Tan. 6:10.
6a F&F 27:1-4.

7a Ohab. 20:1; 23:29-35.
8a 2 Tan. 3:16-17.
TSM Vatana.
10a 1E zavamaniry.
Gen. 1:29;
F&F 59:17-20.

dia hampiasaina amin' ny fahamalinana sy ny "fankasitrahana.

12 Eny, Izaho Tompo dia efa nanendry ny "nofon' ny ^bbiby koa sy ny an' ny voromanidin' ny habakabaka ho fampiasan' ny olona miaraka amin' ny fankasitrahana; kanefa tokony hampiasaina amin' ny ^dfits-tsiana izany;

13 Ary Ankasitrahako ny tsy tokony hampiasana izany raha tsy amin' ny fotoan' ny ririnina, na ny hatsiaka, na ny mosary.

14 Ny "voa rehetra dia efa voatendry ho fampiasan' ny olona sy ny biby, ho fanohana-na ny aina, tsy ho an' ny olona ihany fa ho an' ny biby eny antsaha sy ny voromanidin' ny lanitra ary ny bibidia rehetra izay mihazakazaka na mandady amin' ny tany;

15 Ary ireny dia tsy nataon' Andriamanitra ho fampiasan' ny olona raha tsy amin' ny fotoan' ny mosary sy ny hanoana mihoa-pampana.

16 Ny voa rehetra dia tsara ho sakafon' ny olona; tahaka izany koa ny vokatry ny zavamaniry izay mamoa voa, na

ao anaty tany na eo ambonin' ny tany —

17 Na dia izany aza, ny varimbazaha dia ho an' ny olona, ary ny katsaka ho an' ny omby, ary ny lavoanina ho an' ny soavaly, ny segla ho an' ny voromanidina sy ny kisoa ary ny biby rehetra any an-tsaha, ary ny ôrza ho an' ny biby ilaina sy ny zavapisotro maivamaivana, torak' izany koa ireo voa hafa.

18 Ary ny olomasina rehetra izay mahatsiaro ny hitandrina sy ny hampihatra ireo teny ireo sady mandeha amin' ny fankatoavana ny didy dia hazo "fahasalamana eo amin' ny foitrany ary tsoka ho an' ny taolany;

19 Ary hahita "fahendrena sy rakitsoa lehiben' ny ^bfahalalana izy ireo, dia rakitsoa mifaina;

20 Ary "hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra ary handeha fa tsy ho reraka.

21 Ary Izaho Tompo dia manome azy ireo "fampanantenana fa ^bhandalo azy ireo, tahaka ny tamin' ny zanak' i Isiraely, ny anjely mpandringana fa tsy hamely azy ireo. Amena.

FIZARANA 90

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 8 Martsa 1833 (History of the Church, 1:329–331). Ity fanambarana ity dia fanohizana ny dingana ho fametrahana ny Fiadidia-na Voalohany (jereo ny sasin-teny ho an' ny fizarana 81); vokatr' izany, dia natokana ny 18 Martsa 1833 ireo mpanolotsaina voalaza etoana.

11a TSM Misaotra.

12a Gen. 9:3;

Lev. 11:1–8.

b 1 Tim. 4:3–4;

F&F 49:18–21.

d F&F 59:20.

14a Dan. 1:6–20.

18a Ohab. 3:8.

19a TSM Fahendrena.

b TSM Fahalalana;

Fijoroana ho

Vavolombelona.

20a Isa. 40:31.

21a F&F 84:80.

b Eks. 12:23, 29.

1-5, *Ny fanalahidin' ny fanjakana dia natolotra an' i Joseph Smith ary natolotra ny Fiangonana tamin' ny alalany*; 6-7, *Tokony hanompo ao amin' ny Fiadidiana Voalohany i Sidney Rigdon sy i Frederick G. Williams*; 8-11, *Ny filazantsara dia hotoriana amin' ireo firenen' i Isiraely, amin' ny Jentilisa ary amin' ny Jiosy, ka samy handre amin' ny fiteniny avy ny olona tsirairay*; 12-18, *Tsy maintsy manao ny fandaminana ny Fiangonana i Joseph Smith sy ireo mpanolotsainy*; 19-37, *Nanarin' ny Tompo ireo olona samihafa mba handeha araka ny hitsiny ary hanompo ao amin' ny fanjakany*.

Toy izao no lazain' ny Tompo, lazaiko aminao marina dia marina tokoa anaka, "voavela ny fahotana araka ny hatakao, fa ny fivavakao sy ny fivavaky ny rahalahinao dia efa tafakatra hatreo an-tsofiko.

2 Koa hotahina hatramin' izao ianao izay mitondra ny "fanalahidin' ny fanjakana nomena anao; dia ^bfanjakana izay aorina indray mandeha farany.

3 Lazaiko aminao marina tokoa, ny fanalahidin' ity fanjakana ity dia tsy hoesorina na oviana na oviana aminao, na mbola eo amin' izao fiainana izao ianao, na any amin' ny fiainan-ko avy;

4 Kanefa amin' ny alalanao no

hanomezana ny iray hafa ny "fanambarana, eny, dia ny fiangonana izany.

5 Ary ireo rehetra izay mandray ny fanambaran' Andriamanitra, aoka "hotandremany ny fomba hiheverany izany fandrao hoheveriny ho zava-maivana izany ka hoentina amin' izany ho eo ambany fanamelohana izy, ary ho solafaka sy hianjera rehefa mitsoka ny tafiotra sy mifofofoko ny rivotra ary milatsaka ny ^borana ka mamely ny tranony.

6 Ary ankoatra izany, dia lazaiko amin' i Sidney Rigdon sy i Frederick G. Williams rahalahinao marina tokoa, voavela koa ny fahotany, ary izy ireo dia heverina ho mitovy aminao amin' ny fihazonana ny fanalahidin' ity fanjakana farany ity;

7 Ary koa, amin' ny fitantana-nao ny fanalahidin' ny "sekolin' ny mpaminany izay efa nodi-diako mba hatsangana;

8 Fa amin' izany no ahazoana manao azy ireo ho tanteraka ao amin' ny asa fanompoany ho famonjena an' i Ziona sy ireo firenen' i Isiraely ary ny Jentilisa, izay rehetra hino;

9 Mba ho amin' ny alalan' ny fitantananao no hahazoan' izy ireo mandray ny teny ary amin' ny alalan' ny fitantanana' izy ireo no hahazoan' ny teny mandeha hatrany am-paran' ny tany,

90 1a TSM Mamela.

2a F&F 65:2.

TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

b TSM Fanjakan'

Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.

4a Asa 7:38; Roma. 3:2;

Heb. 5:12;

F&F 124:39, 126.

TSM Faminaniana.

5a F&F 1:14.

b Mat. 7:26-27.

7a TSM Sekolin' Ireo Mpaminany.

any amin' ny "Jentilisa 'aloha, rehefa izany, dia indro ka jereo fa hitodika any amin' ny Jiosy izy ireo.

10 Ary amin' izany no avy ny andro izay "hampisehoana amin-kery ny sandrin' ny Tompo ho fandresen-dahatra ny firenena, ny firenena mpanompo sampy, ny mpianakavin' i "Josefa, ny amin' ny filazantsaran' ny famonjena azy ireo.

11 Fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, dia "handre ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin' ny fiteniny avy, amin' ny alalan' ireo izay "voatokana ho amin' izany "hery izany amin' ny fitaoman' ny "Mpampionona nalatsaka tamin' izy ireo ho fanambarana an' i Jesoa Kristy.

12 Ary ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, omeko anareo ny didy mba hitozoanareo ao amin' ny "asa fanompoana sy fiadidiana.

13 Ary rehefa vitanao ny fandikana ireo mpaminany, dia "hiadidy ny raharahan' ny fiangonana sy ny "sekoly ianao hatramin' izao;

14 Ary handray "fanambarana ombieny ombieny araka izay

hanehoan' ny Mpampionona izany ka hamelabelatra ireo "misterin' ny fanjakana;

15 Ary hanao ny fandaminana ny fiangonana ary "handinika sy "hianatra ary hifankazatra amin' ny boky tsara rehetra, ary amin' ny "fiteny sy ny teny ary ny olona.

16 Ary izao no ho raharahana-reo sy asa anirahana anareo amin' ny androm-piainanareo rehetra, dia ny hiadidy ao amin' ny filankevitra ary handamina ny raharaha rehetra an' ny fiangonana sy ny fanjakana.

17 Aza "menatra na mangaihay; fa tandremo ny fanambonian-tenanareo sy ny "fiavonononareo rehetra, fa izany dia mamelatra fandrika ho an' ny fanahinareo.

18 Alamino ny tranonareo; tano hanalavitra anareo ny "fidonanaham-poana sy ny "tsy fahadiovana.

19 Ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka hisy toerana homanina haingana araka izay tratra ho an' ny fianakavian' ny mpanolotsaina sady mpitantsoatrao, dia i Frederick G. Williams izany.

20 Ary aoka i Joseph Smith rainy, "lahiantitra, mpanompoko

9a 1 Ne. 13:42;
F&F 107:33; 133:8.
b Mat. 19:30;
Etera 13:10-12.
10a F&F 43:23-27; 88:84,
87-92.
b Gen. 49:22-26;
1 Ne. 15:13-14.
11a TSM Asa Fitoriana.
b TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra;
Manokana.

d TSM Fisoronana.
e TSM Mpampionona.
12a TSM Fanompoana.
13a F&F 107:91-92.
b TSM Sekolin' Ireo
Mpaminany.
14a TSM Fanambarana.
b TSM Misterin'
Andriamanitra.
15a F&F 88:76-80, 118;
93:53.
b F&F 107:99-100;

130:18-19.
d TSM Fiteny.
17a Roma. 1:16;
2 Ne. 6:13.
b F&F 88:121.
TSM Fiavonononana.
18a F&F 58:26-29.
TSM Midonana-poana.
b F&F 38:42.
20a TSM Smith, Joseph,
rainy.

hanohy hiaraka amin' ny fianakaviany eo amin' ny toerana izay onenany ankehitriny; ary aoka tsy hamidy izany mandrapitenin' ny vavan' ny Tompo.

21 Ary aoka ny mpanolotsaiko, dia i Sidney ^aRigdon, hitoetra eo amin' izay onenany ankehitriny mandrapitenin' ny vavan' ny Tompo.

22 Ary aoka ny eveka hitady fatratra tokoa mba hahazo ^ampandraharaha ary aoka izany ho lehilahy izay ^bmanana amby ampy—lehilahin' Andriamanitra sy manana finoana matanjaka—

23 Fa amin' izany no hahafahany manefa ny trosa rehetra; mba tsy hahazoana manala baraka ny trano fitehirizan' ny Tompo eo imason' ny olona.

24 Mitadiava ^aamim-pahazo-toana, ^bmivavaha mandrakariva, ary minoa dia hiaraka-miasa ny ^dzava-drehetra ho tombontsoanareo, raha mandeha araka ny hitsiny ianareo ary mahatsiaro ny ^efanekepihavanana izay efa nifanaovanareo.

25 Aoka ho ^avitsy ny ankohonanareo, indrindra fa ny an' i Joseph Smith rainy, lahiantitra, mpanompoko, raha ny momba ireo izay tsy isan' ny ankohonanareo;

26 Mba tsy hanesorana aminareo ireo zavatra izay efa novononina ho anareo hanatontosana ny asako ka hano-

mezana izany ireo izay tsy mendrika—

27 Ka ho voasakana ianareo amin' izany eo amin' ny fanatontosana ireo zavatra izay efa nandidiako anareo.

28 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, sitrako ny handraisan' i Vienna Jacques mpanompovaviko vola handoavany ny fandaniany ary hiakarany any an-tanin' i Ziona;

29 Ary ny ambim-bola dia azo atokana ho Ahy, ary hahazo valisoa izy amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

30 Lazaiko aminareo marina tokoa fa mety eo imasoko ny handehanany miakatra any an-tanin' i Ziona sy ny handraisany lova avy eo an-tanan' ny eveka;

31 Mba hahazoany manorimponenana amim-piadanana raha mahatoky izy ka tsy midonahana-poana mandritra ny androny hatrizao.

32 Ary indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa hanoratra ity didy ity ianareo ary hilaza amin' ireo rahalahinareo ao i Ziona amin' ny fiarahabana ombam-pitiavana fa efa niantso anareo koa Aho ^ahiadidy an' i Ziona amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

33 Koa aoka hatsahany ny fanasarana Ahy momba ity raharaha ity.

34 Indro, lazaiko aminareo fa manomboka mibebaka ireo

21a TSM Rigdon, Sidney.

22a F&F 84:112–113.

b Jakôba 2:17–19.

24a TSM Fahazotoana.

b TSM Vavaka.

d Ezra 8:22;

Roma. 8:28;

F&F 100:15; 122:7–8.

e TSM Fanekepihavanana.

25a IE Ilay mahantra izay nokarakarain' i

Joseph Smith, rainy.

32a F&F 107:91–92.

rahalahinareo ao Ziona, ary miravoravo aminy ny anjely.

35 Kanefa maro ny zavatra tsy ankasitrahako; ary tsy mankasitraka an' i "William E. McLellan mpanompoko Aho na i Sidney Gilbert mpanompoko; ary ny eveka koa, ary ireo hafa dia manana zavatra maro izay tokony hibebehana.

36 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, fa Izaho Tompo dia hifanditra amin' i "Ziona sy hifandatra amin' ireo olo-maheriny ka ^bhanafay azy mandra-pahatonga azy ho mpandresy sy ho ^dmadio eo anoloako.

37 Fa tsy hoesorina eo amin' ny toerany izy. Izaho Tompo no efa niteny izany. Amena.

FIZARANA 91

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 9 Martsa 1833 (History of the Church, 1:331–332). Tao anatin' ny fandikana ny Testamenta Taloha ny Mpaminany tamin' izay fotoana izay. Rehefa tonga teo amin' ny ampahany nisy ireo soratra tranainy natao hoe Apôkrifa izy dia nanontany ny Tompo ary nandray izao toromarika izao.

1–3, Ny ankabeazan' ny Apôkrifa dia voadika araka ny hitsiny saingy mirakitra soratra mifangaro izay sady nataon' ny tanan' olombelona no tsy marina; 4–6, Mitondra soa izy ho an' ireo izay hazavain' ny Fanahy.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminao momba ny "Apôkrifa—Misy zavatra maro voarakitra ao anatiny, izay marina sady voadika araka ny hitsiny ny anka-beazany;

2 Misy zavatra maro voarakitra ao anatiny, izay sady tsy marina

no soratra mifangaro nataon' ny tanan' olombelona.

3 Lazaiko aminao marina tokoa fa tsy ilaina ny tokony handikana ny Apôkrifa.

4 Koa, na zovy na zovy no mamaky izany, dia aoka izy "hahatakatra fa ny Fanahy no maneho ny fahamarinana;

5 Ary na zovy na zovy no hazavain' ny "Fanahy dia hahazo soa amin' izany;

6 Ary na zovy na zovy no tsy mandray ny Fanahy dia tsy afa-ka ny hahazo soa. Koa tsy ilaina ny tokony handikana izany. Amena.

FIZARANA 92

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 15 Martsa 1833 (History of the Church, 1:333). Ilay fanam-

35a F&F 66:1; 75:6–9.

36a TSM Ziona.

b TSM Famaizana.

d TSM Madio.

91 1a TSM Apôkrifa.

4a TSM Fahatakarana.

5a TSM Fanahy Masina;

Fitaoman' ny Fanahy.

barana dia mivantana amin' i Frederick G. Williams izay vao haingana no nanendrena azy ho mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana Voalohany.

1–2, *Fanomezan' ny Tompo didy momba ny fandraisana ao amin' ny lamina miray.*

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo, omeko ny lamina “miray voaorina araka ny didy nomena tany aloha, ny fanambarana sy ny didy momba an' i Frederick G. Williams mpanompoko, dia ny handrai-

sanareo azy ao amin' ny lamina. Izay lazaiko amin' ny anankiray dia lazaiko amin' ny rehetra.

2 Ary ankoatra izany, dia lazai-ko anao ry Frederick G. Williams mpanompoko, ho mpikambana mavitrika ao amin' izany lamina izany ianao; ary raha mahatoky amin' ny fitandremana ny didy teo aloha rehetra ianao dia hotahina mandrakizay. Amena.

FIZARANA 93

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio ny 6 Mey 1833 (History of the Church, 1:343–346).

1–5, Ireo rehetra izay mahatoky dia hahita ny Tompo; 6–18, Vavolombelona nanambara i Jaona fa ny Zanak' Andriamanitra dia nitombo tao amin' ny fahasoavana niampy fahasoavana ambara-pandraisany ny fahafenoan' ny voninahitry ny Ray; 19–20, Ireo olona mahatoky izay mitombo ao amin' ny fahasoavana miampy fahasoavana dia handray koa amin' ny fahafenoany; 21–22, Ireo izay ateraka amin' ny alalan' i Kristy no Fiangonan' ny Lahimatoa; 23–28, Nandray ny fahafenoan' ny fahamarinana rehetra i Kristy, ary afaka manao toy izany ny olona amin' ny alalan' ny fanakatoavana; 29–32, Niaraka tamin' Andriamanitra ny olona tany ampiandohana; 33–35, Ny singa dia maharitra mandrakizay ary afaka

handray ny fahafenoan' ny fifaliana ny olona amin' ny Fitsanganana amin' ny maty; 36–37, Ny voninahitr' Andriamanitra dia faharani-tan-tsaina; 38–40, Tsy manan-tsin' ny eo anoloan' Andriamanitra ny ankizy noho ny fanavotan' i Kristy; 41–53, Fandidiana ireo rahalahy mpitarika handaminany ny fianakaviany.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: Izao no hitranga fa ny olona tsirairay, izay “mahafoy ny fahotany ka manatona Ahy ary ^bmiantso ny anarako sy “mankatò ny feoko ary mitandrina ny didiko, dia “hahita ny ^ftavako ary hahafantatra fa Izy Aho;

2 Ary hahafantatra fa Izaho no

92 1a F&F 82:11, 15–21.
TSM Lamina Miray.

93 1a TSM Fibebehana;
Mendrika.

b Joe. 2:32.
d TSM Mankatò.

e Eks. 33:11;
F&F 38:7–8; 67:10–12;

88:68; 101:23; 130:3.
TSM Mpampionona.
f djs, 1 Jn. 4:12.

^afahazavana marina izay manazava ny olona rehetra izay tonga eo amin' izao tontolo izao;

3 Ary Izaho ^aao amin' ny Ray ary ny Ray ato amiko ary ny Ray sy Izaho dia iray —

4 Ny Ray, ^asatria ^bnomeny tamin' ny fahafenoany Aho, ary ny Zanaka, satria teo amin' izao tontolo izao Aho ary nanao ny ^dnofo ho tabernakeliko sy nitoetra teo anivon' ny zanak' olombelona.

5 Teo amin' izao tontolo izao Aho ary nandray avy tamin' ny Raiko, ary niharitany mazava tsara ny ^aasany.

6 Ary i ^aJaona dia nahita ary vavolombelona nanambara ny amin' ny fahafenoan' ny ^bvoninahitro, ary ny fahafenoan' ny rakitsoratr' i ^dJaona dia hamba-ra rahatrizay.

7 Ary izy dia vavolombelona nanambara, nanao hoe: Nahita ny voninahiny Aho, fa Izy dia tany ^aam-piandohana, talohan' ny nahariana izao tontolo izao;

8 Koa tany am-piandohana dia nisy ny ^aTeny, fa Izy no Teny, dia ny iraky ny famonjena —

9 Ny ^afahazavana sy ny ^bMpanavotra izao tontolo izao; ny Fanahin' ny fahamarinana izay

tonga teo amin' izao tontolo izao, satria Izy no nanaovana izao tontolo izao, ary tao Aminy no nisian' ny fiainan' ny olona sy ny fahazavan' ny olona.

10 Izy no ^ananaovana ireo tontolo; Izy no nanaovana ny olona; tamin' ny alalany sy tao Aminy ary avy Aminy no nanaovana ny zava-drehetra.

11 Ary izaho Jaona dia vavolombelona manambara fa hitako ny voninahiny, toy ny voninahitry ny Lahitokan' ny Ray, feno fahasoavana sy fahamarinana, dia ny Fanahin' ny fahamarinana izay tonga sy nonina tao amin' ny nofo ary nonina teo anivontsika:

12 Ary izaho Jaona dia nahita fa tsy nandray hatramin' ny voalohany ny ^afahafenoana Izy fa nandray ^bfahasoavana niampy fahasoavana;

13 Ary tsy nandray hatramin' ny voalohany ny fahafenoana Izy fa nanohy ny ^afahasoavana niampy fahasoavana ambarapandraisany ny fahafenoana;

14 Ary dia toy izany no niantsoana Azy ho ^aZanak' Andriamanitra, satria tsy nandray ny fahafenoana hatramin' ny voalohany Izy.

2a Jao. 1:4–9; F&F 14:9; 84:45–47; 88:6–7.

TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

3a Jao. 10:25–38; 17:20–23;

F&F 50:43–45.

4a Môsà 15:1–7.

^b TSM Jesoa

Kristy—Fahefana.

^d Lio. 1:26–35; 2:4–14;

3 Ne. 1:12–14; Etera 3:14–16.

5a Jao. 5:36; 10:25; 14:10–12.

6a Jao. 1:34.

^b TSM Jesoa Kristy—Voninahitr' i Jesoa Kristy.

^d Jao. 20:30–31.

7a Jao. 1:1–3, 14; 17:5; F&F 76:39.

8a TSM Jesoa Kristy; Jehovah.

9a TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

^b TSM Mpanavotra.

10a Heb. 1:1–3;

F&F 76:24;

Mos. 1:31–33.

12a Filip. 2:6–11.

^b Jao. 1:16–17.

13a Lio. 2:52.

14a Lio. 1:31–35;

F&F 6:21.

TSM Andriamanitra—Andriamanitra

Zanaka.

15 Ary izaho “Jaona dia vavolombelona manambara, ary indro, nisokatra ny lanitra ary ny ^bFanahy Masina dia nidina teo Aminy tamin’ ny endriky ny ^avoromailala ary nitoetra teo Aminy, ary nisy feo nivoaka avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no ^eZanako malalako.

16 Ary izaho Jaona dia vavolombelona manambara fa nandray ny fahafenoan’ ny voninahitry ny Ray Izy;

17 Ary nandray ny “hery ^brehetra Izy na any an-danitra na etỳ an-tany, ary ny voninahitry ny ^aRay dia nomba Azy, satria nitoetra tao Aminy Izy.

18 Ary izao no zavatra hitranga fa raha mahatoky ianareo dia handray ny fahafenoan’ ny rakitsoratr’ i Jaona.

19 Omeko anareo ireo teny ireo hahazoanareo mahatakatra sy mahafantatra ny fomba “ivavahanareo sy izay ivavahanareo, mba hahazoanareo manatona ny Ray amin’ ny anarako ary mandray amin’ ny fahafenoany amin’ ny fotoana mahamety izany.

20 Fa raha mitandrina ny “didi-ko ianareo dia handray amin’ ny ^bfahafenoany ary ^ahankalazaina ao Amiko, tahaka Ahy ao

amin’ ny Ray; koa lazaiko aminareo, handray ^efahasoavana miampy fahasoavana ianareo.

21 Ary ankehitriny, dia lazai-ko aminareo marina tokoa, Iza-ho dia niaraka tamin’ ny Ray tany ^aam-piandohana sady ny ^bLahimatoa;

22 Ary ireo rehetra izay ateraka amin’ ny alalako dia ^ampan-dray anjara amin’ ny ^bvoninahitro ary isan’ ny fiangonan’ ny Lahimatoa.

23 Ianareo dia ^aniaraka koa tamin’ ny Ray tany am-piandohana, dia Fanahy, ny Fanahin’ ny fahamarinana;

24 Ary ny ^afahamarinana dia ^bfahalalana ny zavatra araka ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny hahaz-izy azy;

25 Ary izay rehetra ^amihoatra na latsaka izany dia fanahin’ ilay ratsy izay ^bmpandainga hatrany am-piandohana.

26 Ny Fanahin’ ny ^afahamarinana dia avy amin’ Andriamanitra. Izaho no fanahin’ ny fahamarinana ary i Jaona dia vavolombelona nanambara Ahy, nanao hoe: Izy dia nandray ny fahafenoan’ ny fahamarinana, eny, ny fahamarinana rehetra;

15a Jao. 1:29-34.

^b TSM Fanahy Masina.

^d TSM Voromailala, Endriky Ny.

^e Mat. 3:16-17.

17a TSM Jesoa Kristy—Fahefana; Hery.

^b Mat. 28:18; Jao. 17:2; 1 Pet. 3:22.

^d TSM Andriamanitra—Andriamanitra Ray.

19a Jao. 4:21-26; 17:3; Asa 17:22-25.

TSM Fitsaohana.

20a F&F 50:28.

^b Jao. 1:16;

F&F 84:36-39.

^d Jao. 17:4-5, 22.

TSM Olona—Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra.

^e TSM Fahasoavana.

21a Jao. 1:1-2;

1 Pet. 1:19-20;

Mos. 4:2.

^b TSM Lahimatoa.

22a 1 Pet. 5:1; F&F 133:57.

^b TSM Voninahitra Selestialy.

23a TSM Olona—Olona, fanahy zanaky ny Ray any an-danitra.

24a TSM Fahamarinana.

^b TSM Fahalalana.

25a F&F 20:35.

^b Jao. 8:44; 2 Ne. 2:18; Mos. 4:4.

26a Jao. 14:6.

27 Ary tsy nisy olona mandray ny "fahafenoana, raha tsy mitandrina ny didiny izy.

28 Izay "mitandrina ny didiny dia mandray fahamarinana sy ^bfahazavana ambara-pahatonga azy hankalazaina ao amin' ny fahamarinana sy ^dhahafantatra ny zava-drehetra.

29 Niaraka tamin' Andriamanitra koa ny olombelona tany "am-piandohana. Ny ^bfaharanitan-tsaina na ny fahazavan' ny fahamarinana dia tsy nohariana na natao sady tsy mety ho iza-ny marina tokoa.

30 Ny fahamarinana rehetra dia mahaleo tena ao amin' ilay sehatra efa nametrahan' Andriamanitra azy mba "hihetsika ho azy, toy izany koa ny faharanitan-tsaina rehetra; fa raha tsy izany dia tsy misy ny fisiana.

31 Indro, izany no "fahafahamisa-fidy ho an' ny olona ary izany no fanamelohana ny olona; satria izay nisy hatrany am-piandohana dia aseho azy ^bmazava tsara, ary tsy mandray ny fahazavana izy.

32 Ary ny olona rehetra izay

tsy mandray ny "fahazavana ny fanahiny dia eo ambany fanamelohana.

33 Fa ny olona dia "fanahy. Ireo ^bsinga dia mandrakizay, ka ny fanahy sy ny singa mifamatotra tsy azo sarahina dia mandray ny fahafenoan' ny fifaliana;

34 Fa rehefa "misaraka kosa izany, dia tsy afaka ny handray ny fahafenoan' ny ^bfifaliana ny olona.

35 Ireo "singa no tabernakelin' Andriamanitra; eny, ny olona no tabernakelin' Andriamanitra, dia ^btempoly; ary rehefa mety ho tempoly ka voaloto, dia horavan' Andriamanitra izany tempoly izany.

36 Ny "voninahitr' Andriamanitra dia ny ^bfaharanitan-tsaina, na amin' ny teny hafa, ^dfahazavana sy fahamarinana.

37 Ny fahazavana sy ny fahamarinana dia mahafoy ny "ratsy.

38 Ny fanahin' ny olona reheatra dia "tsy nanan-tsiny tany am-piandohana; ary rehefa ^bnanavotra ny olona tamin' ny "fahalavoana Andriamanitra dia niverina indray tany amin' ny

27a TSM Tanteraka.

28a TSM Mankatò.

b F&F 50:24; 84:45.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

d Jao. 17:3;

F&F 88:49, 67.

29a Abr. 3:18.

TSM Fiainana
Talohan' ny Fiainana
An-tany; Olona.

b TSM Faharanitan-
Tsaina.

30a 2 Ne. 2:13-27.

31a TSM Safidy.

b Deot. 30:11-14;
F&F 84:23-24.

32a TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy;
Fahamarinana.

33a F&F 77:2;

Abr. 5:7-8.

TSM Olona—Olona,
fanahy zanaky ny
Ray any an-danitra.

b F&F 131:7-8; 138:17.
TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.

34a 2 Ne. 9:8-10.

b TSM Fifaliana.

35a F&F 130:22.

b 2 Tan. 3:16-17.

36a TSM Voninahitra;
Jesoa Kristy—

Voninahitr' i Jesoa
Kristy.

b F&F 130:18-19;

Abr. 3:19.

TSM Faharanitan-
Tsaina.

d F&F 88:6-13.

37a Mos. 1:12-16.

TSM Devoly.

38a TSM Tsy

Manan-Tsiny.

b Môsià 27:24-26;

Mos. 5:9;

Fp. 1:3.

TSM Fanavotana.

d TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.

toetry ny fahazazany ny olona, “tsy nanan-tsiny teo anoloan’ Andriamanitra.

39 Ary tonga ilay ratsy ka “manaisotra amin’ ny zanak’ olombelona ny fahazavana sy ny fahamarinana amin’ ny alalan’ ny tsy fankatoavana sy noho ny ^bfomban-drazany.

40 Saingy efa nodidiako ianareo hitaiza ny “zanakareo ao amin’ ny fahazavana sy ny fahamarinana.

41 Nefa lazaiko aminao marina tokoa ry Frederick G. Williams mpanompoko, efa nitozo teo ambanin’ izany fanamelohana izany ianao;

42 Tsy “nampianarinao fahazavana sy fahamarinana araka ny didy ny zanakao; ary ilay ratsy dia mbola manana hery aminao, ary izany no anton’ ny fahorianao.

43 Ary ankehitriny, dia omeko didy ianao—raha tianao ny ho afaka dia “handamina ny ankohonanao ianao, satria misy zavatra maro izay tsy marina ao amin’ ny ankohonanao.

44 Lazaiko marina tokoa amin’ i Sidney Rigdon mpanompoko fa tamin’ ny zavatra sasany dia tsy nitandrina ny didy momba ny zanany izy; koa alamino aloha ny ao amin’ ny ankohonanao.

45 Lazaiko marina tokoa amin’

i Joseph Smith zanany mpanompoko, na amin’ ny teny hafa hantsoiko hoe “sakaiza ianareo, satria ianareo no sakaizako ary hanana lova miaraka Amiko—

46 Nantsoiko hoe “mpanompo ianareo noho ny amin’ izao tontolo izao ary mpanompony ianareo noho ny Amiko—

47 Ary ankehitriny dia lazai-ko amin’ i Joseph Smith zanany marina tokoa—Tsy nitandrina ny didy ianao ary tsy maintsy ilaina ny “fananarana anao eo anoloan’ ny Tompo;

48 Tsy maintsy mibebaka ny “fianakavianao ka mahafoy ireo zavatra sasany ary mampandry sofina bebe kokoa amin’ ny teninao fa raha tsy izany dia esorina hiala eo amin’ ny toerany.

49 Izay lazaiko amin’ ny anankiray dia lazaiko amin’ ny rehetra; “mivavaha mandrakariva fandrao hanana hery aminareo ilay ratsy ka hanaisotra anareo hiala amin’ ny toeranareo.

50 Newel K. Whitney mpanompoko sady evekan’ ny fiangonako dia tokony hanarina sy handamina ny ankohonany koa ka hanao izay hahatonga azy ireo hazoto sy hikorakara bebe kokoa ao an-tokantrano ary hivavaka mandrakariva fa raha tsy izany dia hoesorina hiala amin’ ny “toerany izy ireo.

38e Môrô. 8:8, 12, 22;
F&F 29:46–47.
TSM Famonjena—
Famonjena ny ankizy.
39a Mat. 13:18–19;
2 Kor. 4:3–4;
Almà 12:9–11.
b Ezek. 20:18–19;
Almà 3:8.

TSM Fomban-drazana.
40a TSM Fianakaviana—
Ireo andraikitra ny
ray aman-dreny.
42a 1 Sam. 3:11–13;
F&F 68:25–31.
43a 1 Tim. 3:4–5.
45a F&F 84:63; 88:62.
46a Lev. 25:55;

1 Ne. 21:3–8.
TSM Fanompoana.
47a F&F 95:1–2.
TSM Famaizana.
48a TSM Fianakaviana—
Ireo andraikitra ny
zanaka.
49a 3 Ne. 18:15–21.
50a F&F 64:40.

51 Ankehitriny dia lazaiko aminareo ry sakaizako, aoka i Sidney Rigdon mpanompoko hanezaka ny diany sy hiolomay ary hanambara koa ny “taompankasitranan’ ny Tompo sy ny filazantsaran’ ny famonjena araka izay hanomezako vava azy; ary amin’ ny fivavaky ny finoana izay hataonareo amin’ ny fo miray no hanohanako azy.

52 Ary aoka ny mpanompoko isany, i Joseph Smith zanany sy i Frederick G. Williams hiolomay koa, ary homena izy ireo

araka ny fivavaky ny finoana; ary raha mitandrina ny teniko ianareo dia tsy hangaihay na eo amin’ ity fiainana ity na amin’ ny fiainana ho avy.

53 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, fa sitrako ny hana-fainganana ny “fandikana ny soratra masina sy ny ^bhahazoana ^dfahalalana momba ny tantara sy ireo tany ary fanjakana, ny lalàn’ Andriamanitra sy ny olona, ary izany rehetra izany dia ho famonjena an’ i Ziona. Amena.

FIZARANA 94

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 6 Mey 1833 (History of the Church, 1:346–347). Notendrena ho komitin’ ny fanorenana Fiangonana i Hyrum Smith, i Reynolds Cahoon ary i Jared Carter.

1–9, *Fanomezan’ ny Tompo ny didy momba ny fananganana ny trano ho an’ ny asan’ ny Fiadidiana*; 10–12, *Tokony haorina ny trano printy*; 13–17, *Voatendry ny lova sasantsasany.*

ARY ankoatra izany, dia lazai-ko aminareo marina tokoa ry “sakaizako, didy no omeko anareo hanombohanareo ny asa ho fanajariana sy fanomanana ny fiantombohan’ ny fanorenana ny tanànan’ ny ^btsatòkan’ i Ziona eto amin’ ny tanin’ i Kirtland, manomboka eto amin’ ny tranoko.

2 Ary indro, izany dia tsy

maintsy atao araka ny “toromarikarika izay efa nomeko anareo.

3 Ary aoka ny faritra voalohan’ amin’ ny atsimo hatokana ho Ahy, ho fanorenana ny trano ho an’ ny fiadidiana, ho an’ ny asan’ ny fiadidiana, hahazoana fanambarana ary ho an’ ny asa fanompoan’ ny “fiadidiana amin’ ny zava-drehetra mikasika ny fiangonana sy ny fanjakana.

4 Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho valo ambin’ ny folo metatra sy dimy ambin’ ny folo ny sakany ary iraisa amby roa-polo metatra sy dimy amby efa-polo ny lavany hanorenana izany ao amin’ ny kianja anatin’.

51a Lio. 4:19.

53a TSM Dikantenin’ i Joseph Smith (DJS).

b F&F 88:76–80, 118.

d TSM Fahalalana.

94 1a F&F 93:45.

b TSM Tsaòka.

2a F&F 52:14–15.

3a F&F 107:9, 22.

5 Ary hisy rihana ambany sy rihana ambony, araka ny toromarika izay homena anareo any aoriana.

6 Ary izany dia hatokana ho an' ny Tompo, hatrany amin' ny fotony, araka ny lamin' ny fisoronana araka ny toromarika izay homena anareo any aoriana.

7 Ary izany dia hatokana manontolo ho an' ny Tompo, ho an' ny asan' ny fiadidiana.

8 Ary tsy havelanareo hiditra ao ny zavatra rehetra izay "tsy madio; ary ho ao ny ^bvoninahitro, ary hanatrika ao Aho.

9 Saingy raha misy zavatra "tsy madio miditra ao, dia tsy ho ao ny voninahitro; ary tsy ho ao ny fanatrehako.

10 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, ny faritra faharoa amin' ny atsimo dia hatokana ho Ahy ho fanorenana trano ho Ahy, ho an' ny asa "fanontana printy ny ^b fandikana ny soratro masina ary ny zavatra rehetra na inona na inona ka handidiako anareo.

11 Ka ny sakany dia ho valo ambin' ny folo metatra sy dimy ambin' ny folo ary ny lavany dia ho iraika amby roapolo metatra

sy dimy amby efapolo ao amin' ny kianja anatin'ny; ary hisy rihana ambany sy ambony izany.

12 Ary izany trano izany dia hatokana manontolo ho an' ny Tompo, hatrany amin' ny fotony, ho an' ny asa fanontana printy, amin' ny zavatra rehetra na inona na inona handidiako anareo, mba ho masina, tsy ho voaloto, araka ny toromarika izay homena anareo amin' ny zava-drehetra.

13 Ary eo amin' ny faritra fahatelo no handraisan' i Hyrum Smith mpanompoko ny loany.

14 Ary eo amin' ny faritra voalohany sy faharoa amin' ny avaratra no handraisan' ny mpanompoko isany Reynolds Cahoon sy i Jared Carter ny loany—

15 Mba hahazoany manao ny asa izay efa nanendreko azy ireo, ho komity hanorina ireo tranoko, araka ny didy izay efa nomeko Izaho Tompo Andriamanitra anareo.

16 Tsy haorina ireo trano roa ireo raha tsy omeko anareo ny didy momba azy ireo.

17 Ary ankehitriny, dia tsy omeko misimisy kokoa ianareo amin' izao fotoana izao. Amena.

FIZARANA 95

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 1 Jona 1833 (History of the Church, 1:350–352). Ity fanambarana ity dia tohin' ny toromarika avy amin' Andriamanitra momba ny fanorenana ireo trano fiderana sy fianarana, indrindra fa ny tranon' ny Tompo (jereo fizarana 88:119–136 sy fizarana 94).

8a Lio. 19:45–46;
F&F 109:16–20.
b 1 Mpan. 8:10–11.

TSM Voninahitra.
9a F&F 97:15–17.
10a F&F 104:58–59.

b TSM Dikantenin' i
Joseph Smith (DJS).

1-6, *Nanarina ireo Olomasina satria tsy nahavita ny tranon' ny Tompo*; 7-10, *Ny fanirian' ny Tompo dia ny hampiasana ny tranony hanafiana ny olony amin' ny hery avy any ambony*; 11-17, *Ato-kana ho toerana fiderana sy ho sekolin' ny Apostoly ny trano*.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminareo izay tiako, ary izay tiako koa no "faiziko hahazoana ^bmamela ny fahotany, fa amin' ny fananarana no anomanako ny lalana "hanafahana azy amin' ny karazana "fakam-panahy rehetra, ary efa tia anareo Aho—

2 Koa tsy maintsy ilaina ny ananarana sy anitsiana anareo eo anoloan' ny tavako;

3 Fa efa nanota tamiko tamin' ny fahotana lehibe ianareo, noho ny tsy nitandremanareo tamin' ny lafiny rehetra ny didy lehibe izay efa nomeko anareo momba ny fanorenana ny "tranoko;

4 Ho an' ny fanomanana izay kasaiko hanomanana ny apostoliko mba "handratsana farany ny tanimboaloboko, hahazoako manatanteraka ny asako ^bmahatalanjona, hahazoako ^dman-

datsaka ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra—

5 Nefa indro, lazaiko aminareo marina tokoa fa misy maro ireo izay efa natokana eo anivonareo, izay efa nantsoiko saingy vitsy aminy no "voafidy.

6 Ireo izay tsy voafidy dia efa nanota tamin' ny fahotana lehibe tokoa, noho izy ireo mandeha ao amin' ny "haizina amin' ny mitataovovonana.

7 Ary noho izany antony izany no nanomezako anareo didy hanaovanareo ny "fivorianareo masina, mba hahatonga ny ^bfi-fadianareo sy ny alahelonareo ho tafakatra eo an-tsofin' ny Tompon' ny "Sabaota, izay raha adika dia ny "mpahary ny andro voalohany, ny fiandohana sy ny fiafarana.

8 Eny, lazaiko aminareo marina tokoa, nomeko anareo ny didy mba hanorenanareo trano, ka ao amin' izany trano izany no kasaiko "hanafiana ireo izay efa nofidiko amin' ny hery avy any ambony;

9 Fa izany no "fampanantenan' ny Ray ho anareo; koa mandidy anareo hitoetra Aho, toy ireo apostoliko tao Jerosalema.

10 Kanefa dia nanota tamin'

95 1a Deot. 11:1-8;
Ohab. 13:18;
Heb. 12:5-11;
Hel. 15:3;
F&F 101:4-5; 105:6.
TSM Famaizana.
b TSM Mamela.
d 2 Tan. 10:13.
e TSM Fakam-panahy.
3a Hag. 1:7-11;
F&F 88:119.
TSM Tempoly,
Tranon' ny Tompo.

4a Jakôba 5:61-75;
F&F 24:19; 33:3-4.
TSM Tanimbolin' ny
Tomo.
b Isa. 28:21; F&F 101:95.
d Ohab. 1:23; Joe. 2:28;
F&F 19:38.
TSM Fanomezam-
pahasoavan' ny
Fanahy; Fanahy
Masina.
5a Mat. 20:16;
F&F 105:35-37;

121:34-40.
TSM Fifidianana.
6a TSM Haizim-panahy.
7a F&F 88:70, 74-82,
117-120.
b TSM Fifiadian-kanina.
d TSM Jehovah.
e TSM Fahariana.
8a F&F 38:32; 39:15;
43:16; 110:9-10.
TSM Fanafiana
Masina.
9a Lio. 24:49.

ny fahotana lehibe tokoa ireo mpanompoko; ary nitranga teo anivon' ny "sekolin' ny mpaminany ny ^bfifandirana izay tena nampalahelo Ahy tokoa, hoy ny Tomponareo; koa noroahiko izy ireo mba hofaizina.

11 Lazaiko aminareo marina tokoa, sitrako ny hanorenanareo trano. Raha mitandrina ny didiko ianareo dia hanan-kery hanorenana izany.

12 Raha tsy "mitandrina ny didiko ianareo, dia tsy hitoetra ao aminareo ny ^bfitiavan' ny Ray, koa handeha ao amin' ny haizina ianareo.

13 Ankehitriny dia izao no fahendrena sy ny sain' ny Tompo— aoka haorina ny trano, tsy araka ny fomban' izao tontolo izao, fa tsy omeko anareo ny hivelomanareo araka ny fomban' izao tontolo izao.

14 Koa aoka haorina izany araka ny fomba izay hasehoko amin' ny telo aminareo izay

hotendrenareo sy hatokanareo ho amin' izany hery izany.

15 Ary ny refiny dia ho valo ambin' ny folo metatra sy dimy ambin' ny folo ny sakany, ary aoka ho iraika amby roapolo metatra sy dimy amby efapolo ny lavany ao amin' ny kianja anatin'ny.

16 Ary aoka ny rihana ambany amin' ny kianja anatin'ny hatokana ho Ahy, ho fanoloranareo ny fanasan' ny Tompo, sy ho an' ny fitorianareo ary ny fifadianareo sy ny fivavakareo ary ny "fanateranareo ny faniriana-reo tena masina indrindra ho Ahy, hoy ny Tompo.

17 Ary aoka ny rihana ambony amin' ny kianja anatin'ny hatokana ho Ahy, ho sekolin' ny apostoliko, hoy ny Zanakalahy "Amàna; na amin' ny teny hafa, Alfa, na amin' ny teny hafa, Omega, dia i Jesoa Kristy ^bTomponareo. Amena.

FIZARANA 96

Fanambarana nomena tamin' ny 4 Jona 1833 tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany izay nampiseho ny fandaminana ny tanàna na ny tsatòkan' i Ziona tao Kirtland mba ho fakan-tahaka ho an' ny Olomasin' i Kirtland (History of the Church, 1:352–353). Tamin' ny fihaonamben' ny mpisorona avo izany, ary ny lohahevi-dehibe nobanjini-na dia ny fizakana ny tany sasantsasany fantatra amin' ny hoe ny toeram-pambolena amam-piompian' i French, izay fananan' ny Fianganana tao akaikin' i Kirtland. Noho ny fihaonambe tsy afaka nifanaraka ny amin' izay tokony hiandraikitra ilay toeram-pambolena amam-piompiana, dia nifanaraka ny rehetra fa hanontany ny Tompo ny amin' ilay raharaha.

10a TSM Sekolin' Ireo
Mpaminany.
b TSM Fifandirana.

12a Jao. 15:10.
b 1 Jn. 2:10, 15.
16a F&F 59:9–14.

17a F&F 78:20.
b TSM Tompo.

1, *Hohamafisina ny tsatòkan' i Ziona ao Kirtland; 2-5, Fizaran' ny eveka ny lova ho an' ireo Olomasina; 6-9, Tokony ho mpikambana ao amin' ny lamina miray i John Johnson.*

INDRO, lazaiko aminareo, izao no fahendrena izay ahazoanareo mahafantatra ny fomba hatao momba ity raharaha ity, fa ilaina Amiko ny tokony hana-mafisana ity “tsatòka izay efa natsatoko ho tanjak’ i Ziona ity.

2 Koa aoka i Newel K. Whitney mpanompoko hiandraikitra ny toerana izay voalazanareo, izay kasaiko hanorenana ny trano-ko masina.

3 Ary ankoatra izany, dia aoka izany hozaraina ho faritra araka ny fahendrena, araka izay hotapahinareo amin’ ny fivorianareo, ho tombontsoan’ ireo izay mitady lova.

4 Koa ezaho ny hanaovanareo ity raharaha ity sy ny ampahany izay ilaina mba hanisy soa ny “lamiko, mba ho tanjona ny fitondrana ny teniko any amin’ ny zanak’ olombelona.

5 Fa indro, lazaiko aminareo marina tokoa, izao no zavatra tena ilaina indrindra Amiko dia

ny handehanan’ ny teniko any amin’ ny zanak’ olombelona mba hanalefaka ny fon’ ny zanak’ olombelona ho tombontsoanareo. Izany tokoa. Amena.

6 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, sady fahendrena no ilaina Amiko, fa i John Johnson izay efa nekeko ny fanatiny sy izay efa reko ny fivavany, izay izy no omeko ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay raha mitandrina ny didiko hatrizao—

7 Satria izy dia taranak’ i “Josefa sy mpandray anjara amin’ ireo fitahian’ ny fampanantenana natao tamin’ ny razany—

8 Lazaiko aminao marina tokoa, ilaina Amiko ny hahatonga azy ho mpikambana amin’ ny lamina, hahazoany manampy amin’ ny fitondrana ny teniko ho any amin’ ny zanak’ olombelona.

9 Koa ianareo dia hanokana azy ho amin’ izany fitahiana izany, ary hotadiaviny fatratra ny hanaisotra ny olana mitambaby amin’ ny trano izay voalazanareo, mba hahazoany mitoetra ao. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 97

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 2 Aogositra 1833 (History of the Church, 1:400-402). Miompana manokana amin’ ny toe-draharahan’ ny olomasina tao Ziona, Fivondronan’ i Jackson, Missouri, ity fanambarana ity, ho valin’ ny fanontanian’ ny Mpaminany ny Tompo. Nianjadian’ ny fanenjehana

mavaivay ny mpikamban' ny Fiangonana tao Missouri tamin' izay fotoana izay ary noterena hanao sonia ny fanekena handao ny Fivondronan' i Jackson ny 23 Jolay 1833.

1-2, *Fitahiana ny ankamaroan' ny Olomasin' i Ziona (Fivondronan' i Jackson, Missouri) noho ny fahatokiany; 3-5, Fankasitrahana an' i Parley P. Pratt noho ny asany tao amin' ny sekolin' i Ziona; 6-9, Ireo izay mitandrina ny fanekem-pihavanany no eken' ny Tompo; 10-17, Haorina ao i Ziona ny trano izay hahitan' ny madio am-po an' Andriamanitra; 18-21, Ireo izay madio am-po no Ziona; 22-28, Ho afa-mandositra ny famaizan' ny Tompo i Ziona raha mahatoky.*

LAZAIKO aminareo marina tokoa ry sakaizako, Izaho dia miteny aminareo amin' ny feoko, dia ny feon' ny Fanahiko, mba hahazoako maneho aminareo ny sitrapoko momba ireo rahalahinareo ao an-tanin' i "Ziona, izay manetry tena marina tokoa ny ankamaroany ary mikatsaka fatratra tokoa ny hianatra fahendrena sy ny hahita ny fahamarinana.

2 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, sambatra ny toy ireo, fa ireo no hahazo; fa Izaho Tompo dia maneho famindram-po amin' ny "malemy fanahy rehetra sy amin' ireo rehetra izay sitrako, mba ho azo hamarinina Aho rehefa hitondra azy ireo ho amin' ny fitsarana.

3 Indro, lazaiko aminareo, momba ny sekoly ao Ziona, Izaho Tompo dia mankasitraka ny hisian' ny "sekoly ao Ziona sy ao amin' i ^bParley P. Pratt mpanompoko, satria mitoetra ao Amiko izy.

4 Ary raha manohy ny fitoerana ato Amiko izy, dia hanohy ny fiadidiana ny sekoly ao antanin' i Ziona izy ambara-pa-nomezako azy didy hafa.

5 Ary Izaho hitahy azy amin' ny hamaroan' ny fitahiana, amin' ny famelabelarana ny soratra masina sy ireo mistery rehetra mba ho fampandrosoana ny sekoly sy ny fiangonana ao Ziona.

6 Ary Izaho Tompo dia vonona ny haneho famindram-po amin' ny ambiny amin' ny sekoly; kanefa dia misy ireo izay tsy maintsy ilaina "faizina ary ham-pahafantarina ny asany.

7 Efa mipetraka eo am-pototry ny hazo ny "famaky; ary ny hazo rehetra izay tsy mamoa ^bvoa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo. Izaho Tompo no efa niteny izany.

8 Lazaiko aminareo marina tokoa, ireo eo anivon' izy ireo izay mahafantatra fa "mahitsy ny ^bfony sady torotoro, ary manenina ny fanahiny ary ^dvonona ny hitandrina ny fanekem-

97 1a TSM Ziona.
2a Mat. 5:5; Môsià 3:19.
3a TSM Sekolin' Ireo Mpaminany.
b TSM Pratt, Parley

Parker.
6a TSM Famaizana.
7a Mat. 3:10.
b Lio. 6:43-45;
Almà 5:36, 52;

3 Ne. 14:15-20.
8a TSM Fahamarinan-toetra.
b TSM Fo Torotoro.
d F&F 64:34.

pihavanany amin' ny alalan' ny ^efahafoizan-tena—eny, ny fahafoizan-tena rehetra izay handi-diako Izaho Tompo—ireo no ^fekeko.

9 Fa Izaho Tompo dia hampamo azy ireo toy ny hazo tena mahavanom-boa izay ambolena eo amin' ny tany tsara akaikin' ny riana madio, ka mamokatra voa sarobidy betsaka.

10 Lazaiko aminareo marina tokoa fa sitrako ny hanorenana ^atrano ho Ahy ao an-tanin' i Ziona, araka ny ^btoromarika izay efa nomeko anareo.

11 Eny, aoka izany haorina faingana tokoa amin' ny alalan' ny fahafolonkaren' ny oloko.

12 Indro, izany no ^afahafolonkarena sy fahafoizan-tena izay takiako Izaho Tompo eo antanany, mba hisian' ny ^btrano aorina ho Ahy, ho famonjena an' i Ziona—

13 Ho toeran' ny ^afanati-pisaronana ho an' ny olomasina rehetra, ary ho toeran' ny fianarana ho an' ireo rehetra izay nantsoina ho amin' ny asa fanompoana amin' ireo antso sy anjara fanompoana maro ananany;

14 Mba hahazoana manao azy ireo ho tanteraka amin' ny ^afahatakarana ny asa fanompoany, amin' ny foto-pisainana, amin' ny fitsipika ary amin' ny foto-

pampianarana, amin' ny zavatra rehetra mikasika ny ^bfanjakan' Andriamanitra ety an-tany, dia fanjakana izay efa natolotra anareo ny ^afanalahidiny.

15 Ary raha toa ka manorina trano ho Ahy amin' ny anaran' ny Tompo ny oloko ary tsy mamela zavatra ^atsy madio hiditra izany mba tsy haloto izany, dia hitoetra amin' izany ny ^bvoninahitro;

16 Eny, ^ahanatrika ao Aho satria hiditra ao Aho, ary ny ^bmadio am-po rehetra izay hiditra ao dia hahita an' Andriamanitra.

17 Fa raha maloto izany, dia tsy hiditra ao Aho ary tsy ho ao ny voninahitro; fa tsy hiditra ao amin' ny tempoly tsy madio Aho.

18 Ary ankehitriny indro, raha manao ireo zavatra ireo i Ziona dia ^ahiroborobo ka hanitatra ny tenany ary ho tonga tena be voninahitra, tena lehibe ary tena mahatahotra.

19 Ary ireo ^afirenen' ny tany dia hankalaza azy ary hiteny hoe: Marina tokoa fa i ^bZiona no tananan' Andriamanitsika, ary marina tokoa fa tsy afaka mirodana i Ziona sady tsy esorina hiala amin' ny toerany fa ao Andriamanitra ary ao ny tanan' ny Tompo;

20 Ary Izy dia efa nianiana

8e TSM Sorona.
f F&F 52:15; 132:50.

10a F&F 57:3; 88:119;
124:51.

b F&F 115:14–16.

12a TSM Fahafolonkarena.
b TSM Tempoly,
Tranon' ny Tompo.

13a TSM Misaotra.

14a TSM Fahatakarana.

b TSM Fanjakan'
Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.

d TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.

15a F&F 94:9; 109:20–21.

b Hag. 2:7; F&F 84:5.

16a F&F 110:1–10.

b Mat. 5:8;
F&F 67:10–13; 88:68.
TSM Madio.

18a F&F 90:24; 100:15.

19a Isa. 60:14;
Zak. 2:10–12;
F&F 45:66–70; 49:10.

b TSM Jerosalema
Vaovao.

tamin' ny herin' ny tanjany fa ho mpamonjy azy sy ho "tili-kambo avony.

21 Koa toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo, aoka hiravoravo i Ziona, fa i "Ziona dia izao—NY MADIO AM-PO; koa aoka hiravoravo i Ziona raha mbola halahelo kosa ny olondratsy rehetra.

22 Fa indro, ka jereo, fa avy faingana tokoa toy ny tadio amin' ireo izay tsy an' Andriamanitra ny "famaliana, ka iza no ho afa-miala izany?

23 Ny "antambon' ny Tompo dia hianjady na alina na andro, ary ny tatitra momba izany dia hampahory ny olon-drehetra; eny, ary tsy hatsahatra izany ambara-piavin' ny Tompo;

24 Fa mirehitra amin' ny fahavetavetany sy ny asa ratsiny rehetra ny fahaviniran' ny Tompo.

25 Kanefa dia ho "afa-miala i Ziona raha mitandrina mba ha-

nao ny zava-drehetra izay efa nandidiako azy.

26 Fa raha tsy mitandrina mba hanao ny zava-drehetra izay efa nandidiako azy izy, dia "hamangy azy araka ny asany rehetra Aho, amin' ny fahorianamangidy, amin' ny "aretimandripaka sy mandringana, amin' ny sabatra, amin' ny "famaliana, amin' ny afo "mandevona.

27 Kanefa dia aoka hovakiana indray mandeha eo an-tsofiny izao, fa Izaho Tompo dia efa nanaiky ny fanatiny; ary raha tsy manota intsony izy, dia "tsy hisy amin' ireo zavatra ireo ho tonga aminy;

28 Ary Izaho "hitahy azy amin' ireo fitahiana ary hampitombo ny hamaroan' ireo fitahiana aminy sy amin' ny taranany mandrakizay mandrakizay, hoy ny Tompo Andriamanitrareo. Amena.

FIZARANA 98

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 6 Aogositra 1833 (History of the Church, 1:403–406). Tonga ity fanambarana ity ho setrin' ny fanenjehana nihatra tamin' ny Olomasina tao Missouri. Efa nampoizina ihany ny fironan' ny Olomasina tao Missouri nankany amin' ny famaliana sy ny valifaty rehefa avy niaritra ny vatana ary nafoy koa ny fananana. Koa nomen' ny Tompo ity fanambarana ity. Na dia tsy isalasalana aza fa efa henon' ny Mpaminany tao kirtland (izay efapolo sy efajato sy arivo kilaometatra miala avy eo) ny vaovao sasantsasany momba ny olana tao Missouri, dia

20a 2 Sam. 22:3.

21a Mos. 7:18.

TSM Madio; Ziona.

22a TSM Valifaty.

23a Isa. 28:14–19;

F&F 45:31.

25a 2 Ne. 6:13–18;

F&F 63:34;

JS—M 1:20.

26a F&F 84:54–59.

b Lio. 21:10–13.

d Mal. 4:1–3;

3 Ne. 21:20–21.

e Joe. 1:15–20.

27a Ezek. 18:27.

28a TSM Fitahiana.

tamin' ny alalan' ny fanambarana ihany no nahafahany nahafantatra tamin' io daty io ny nahasaro-pady ny toe-javatra.

1-3, *Ho tombontsoan' ny Olomasina ny fahoriana; 4-8, Tokony hanohana ny lalam-panorenan' ny firenena ny Olomasina; 9-10, Ny olona marina, hendry ary tsara dia tokony hotohanana hanana toerana ao amin' ny fitantanana ny firenena; 11-15, Ireo manolotra ny ainy noho ny amin' ny Tompo no hahazo ny fiainana mandrakizay; 16-18, Lavo ny ady ary torio ny fandriampahalemana; 19-22, Nanarina ny Olomasina tao Kirtland ary nodidina hibebaka; 23-32, Fanambaran' ny Tompo ny lalàny momba ny fanenjehana sy ny fahoriana nahatra tamin' ny olony; 33-38, Azo ekena ny ady rehefa ny Tompo ihany no mandidy izany; 39-48, Ny Olomasina dia tokony hamela ny fahavalony izay ho afa-mandositra ny famalian' ny Tompo koa raha mibebaka.*

LAZAIKO aminareo marina tokoa ry sakaizako, aza "matahotra, aoka hionona ny fonareo, eny, mifalia mandrakariva ary ^bmisaora amin' ny zava-drehetra;

2 Eo "am-piandrasana ny Tompo amim-paharetana, fa ny fivavakareo dia efa tonga eo antsofin' ny Tompon' ny Sabaota ary voarakitra miaraka amin' izao tombo-kase sy testamenta

izao—efa nianiana sy nanapaka ny Tompo fa hotovina izany.

3 Koa Izy dia manome anareo izao fampantanenana izao, omban' ny fanekepiahavanana tsy azo ovana fa hotanterahina izany; ary ny zava-drehetra izay efa "nampahoriana anareo dia hiara-hiasa hahasoa anareo sy ho voninahitry ny anarako, hoy ny Tompo.

4 Ary ankehitriny dia lazaiko aminareo marina tokoa, momba ny lalàn' ny tany, dia sitrako ny hiezahan' ny oloko hanao ny zava-drehetra izay andidia-ko azy.

5 Ary izany "lalàn' ny firenena izany, izay ^blalam-panorenanana sady manohana ny fitsipiky ny fahafahana amin' ny fiarovana ny zo sy ny tombontsoa, dia an' ny olombelona rehetra, ary azo hamarinina eo anoloako.

6 Koa Izaho Tompo dia manamarina anareo sy ny rahalahinareo ao amin' ny fiangonako, noho ny fanohanana izany lalàna izany, izay lalam-panorenan' ny firenena;

7 Ary ny amin' ny lalàn' olombelona, izay rehetra mihoatra na latsaka izany dia avy amin' ny ratsy.

8 Izaho Tompo Andriamanitra dia "manafaka anareo, koa

98 1a F&F 68:6.
b TSM Misaotra.
2a Sal. 27:14;
Isa. 30:18-19;
F&F 133:45.

3a F&F 122:7.
TSM Fahoriana.
5a 1 Pet. 2:13-14;
F&F 58:21; 134:5.
b F&F 101:77-80; 109:54.

TSM Lalampanore-
nana; Fahalalahana.
8a Jao. 8:32;
2 Kor. 3:17.
TSM Safidy; Afaka.

afaka tokoa ianareo; ary ny làna koa dia manafaka anareo.

9 Kanefa rehefa manapaka ny "olon-dratsy, dia mitoloko ny olona.

10 Koa tokony hokatsahina fatratra ny "olona marin-toetra sy ny olona hendry, ary tokony hoezahanareo ny hanohana ny olona tsara sy ny olona hendry; fa raha tsy izany, izay rehetra latsaka izany dia avy amin' ny ratsy.

11 Ary omeko anareo ny didy mba hahafoy ny ratsy rehetra ianareo ary hifikitra amin' ny tsara rehetra, mba hivelona amin' ny "teny rehetra izay miloaka ny vavan' Andriamanitra ianareo.

12 Fa Izy no "hanome ny mahatoky andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika; ary "hosedraiko sy hozahako toetra amin' izany ianareo.

13 Ary na zovy na zovy no "manolotra ny ainy noho ny foto-kevitra, noho ny anarako, dia hahazo izany indray, dia fiainana mandrakizay.

14 Koa aza "matahotra ny fahavalonareo, satria efa notapahiko tao am-poko, hoy ny Tompo, fa "hozahako toetra amin' ny zavadrehetra ianareo raha toa ka hitoetra ao amin' ny fanekepiahavanako, na dia hatrany amin' ny

"fahafatesana aza, mba hahitana fa mendrika ianareo.

15 Fa raha tsy mitoetra ao amin' ny fanekepiahavanako ianareo dia tsy mendrika Ahy.

16 Koa "lavo ny ^bady ary torio ny "fandriampahalemana ary katsaho fatratra tokoa ny "hampitodika ny fon' ny zanaka ho amin' ny rainy ary ny fon' ny rainy ho amin' ny zanaka;

17 Ary ankoatra izany, ny fon' ny Jiosy ho amin' ny mpaminany ary ny mpaminany ho amin' ny "Jiosy; fandrao ho avy Aho ary hamely ny tany manontolo amin' ny ozona ka ho levona eo anatrehako ny nofo rehetra.

18 Aoka tsy hitebiteby ny fona-reo; fa ao an-tranon' ny Raiko misy "toerana maro ary efa nanomana toerana ho anareo Aho; ary any amin' izay misy ny Raiko sy Izaho dia any koa no hisy anareo.

19 Indro, Izaho Tompo dia tsy mankasitraka ny maro izay ao amin' ny fiangonan' i Kirtland;

20 Fa izy ireo dia tsy mahafofy ny fahotany sy ny lalan-dratsiny, ny avonavon' ny fony sy ny fitsiriritany ary ny zavany maharikoriko, ary tsy mitandrana ny tenin' ny fahendrena sy ny fiainana mandrakizay izay efa nomeko azy ireo.

21 Lazaiko aminareo marina

9a Ohab. 29:2.

10a TSM Fahamarinan-toetra.

11a Deot. 8:3; Mat. 4:4; F&F 84:43-44.

12a Isa. 28:10; F&F 42:61.

b Abr. 3:25-26.

13a Lio. 9:24;

F&F 101:35-38;

103:27-28.

TSM Maritiora.

14a Neh. 4:14; F&F 122:9.

b F&F 124:55.

d Fan. 2:10;

F&F 136:31, 39.

16a Almà 48:14.

TSM Mpampihavana.

b TSM Ady.

d TSM Fiadanana.

e Mal. 4:5-6;

F&F 2:1-2.

17a TSM Jiosy.

18a Jao. 14:2; F&F 59:2;

76:111; 81:6.

tokoa, fa Izaho Tompo dia “hanafay azy ireo ary hanao izay rehetra tiako raha tsy mibebaka izy ireo ary mitandrana ny zava-drehetra izay efa nolazaiako azy ireo.

22 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, raha miezaka ianareo ny “hitandrana izay rehetra andidiako anareo, Izaho Tompo dia hampihodina ny fisafoahana sy ny fahavinirana rehetra hiala aminareo, ary ny ^bvavahadin’ ny helo tsy haharesy anareo.

23 Ankehitriny dia miteny aminareo momba ny ankohonanareo Aho—Raha “mamely anareo na ny ankohonanareo indray mandeha ny olona, ary mizaka izany amim-paharetana ianareo ka tsy miteny ratsy azy na mitady hamaly faty, dia hovaliana soa ianareo;

24 Fa raha tsy mizaka izany amim-paharetana ianareo, dia hisaina ho toy ny “famarana sahaza ho anareo izany.

25 Ary ankoatra izany, raha mamely anareo fanindroany ny olona, ary tsy miteny ratsy ny fahavalonareo ianareo fa mizaka izany amim-paharetana, dia ho avo zato heny ny valisoanareo.

26 Ary ankoatra izany, raha mamely anareo fanintelony izy, ary mizaka izany “amim-paharetana ianareo, dia hitombo inefatra heny ny valisoanareo;

27 Ary ireo vavolombelona telo ireo dia hianpanga ny fahavalonareo ary tsy hofafana raha tsy mibebaka izy.

28 Ary ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, fa raha afa-miala ny famaliako izany fahavalo izany ka tsy nentina mba hotsaraina eo anoloako, dia hiezaka ianareo ny “hampitandrana azy amin’ ny anarako mba tsy ho avy intsony izy hanao herisetra aminareo, na amin’ ny ankohonanareo, dia ny zanaky ny zanakareo hatrany amin’ ny zafiafy sy ny zafindohalika.

29 Ary amin’ izany, raha avy izy hanao herisetra aminareo na amin’ ny zanakareo, na ny zanaky ny zanakareo hatrany amin’ ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia hatolotro ho eo an-tananareo ny fahavalonareo;

30 Ary raha mitsimbina azy ianareo amin’ izany, dia hovaliana soa ianareo noho ny fahamarinanareo; mbamin’ ny zanakareo koa sy ny zanaky ny zanakareo hatrany amin’ ny zafiafy sy ny zafindohalika.

31 Kanefa dia eo an-tananareo ny fahavalonareo; ary raha valianareo araka ny asany izy, dia voamarina ianareo; raha nifofo ny ainareo izy, ary tandindomin-doza ny fiainanareo noho ny aminy, dia eo an-tananareo ny fahavalonareo ary voamarina ianareo.

32 Indro izany no lalàna no-

21a Môsià 23:21;
Hel. 12:3.
TSM Famaizana.
22a TSM Mankatò.
^b Mat. 16:17–18;

F&F 33:12–13.
23a Lio. 6:29;
Almà 43:46–47.
TSM Fanenjhana.
24a Mat. 7:1–2.

26a TSM Faharetana.
28a TSM Fampitandremana.

meko an' i Nefia mpanompoko sy ireo "razanareo, i Josefa sy i Jakoba ary i Abrahama, ary ireo mpaminaniko sy apostoliko fahiny.

33 Ary ankoatra izany, dia izao no "lalàna izay nomeko ireo oloko fahiny, dia ny tsy tokony handehanany miady amin' ireo firenena, foko, samy hafa fiteny na mponina raha tsy Izaho Tompo no nandidy azy.

34 Ary raha misy firenena na samy hafa fiteny na mponina mamaky ady aminy, dia tokony hatsangany amin' izany mponina na firenena samy hafa fiteny izany aloha ny fanevan' ny "fandriampahalemana;

35 Ary raha tsy nanaiky ny famitranam-pihavanana izany mponina izany, na fanindroany, na fanintelony, dia hoentiny eo anoloan' ny Tompo ireny vavolombelona ireny;

36 Amin' izay, Izaho Tompo dia hanome azy didy sy hanamarina azy noho ny fandehanan' miady amin' izany firenena, samy hafa fiteny na mponina izany.

37 Ary Izaho Tompo no "hiady ny adiny sy ny adin' ny zanany ary ny an' ny zanaky ny zanany, ambara-pamaliany ny fahavalony rehetra, hatrany amin' ny zafiafy sy ny zafindohalika.

38 Indro, izany dia fianarana ho an' ny olon-drehetra, hoy ny Tompo Andriamanitrareo, ho fanamarinana eo anoloako.

39 Ary ankoatra izany, dia la-

zaiko aminareo marina tokoa fa raha taorian' ny nanaovany herisetra voalohany no mibebaka ny fahavalonareo ka manatona anareo mitalaho ny famelana-reo, dia hamela azy ianareo ary tsy hihevitra izany intsony ho toy ny vavolombelona hiam-panga ny fahavalonareo—

40 Ary dia toy izany hatrany amin' ny fanindroany sy ny fanintelony; ary isaky ny mibebaka amin' ny fahadisoana izay efa nandisoany taminareo ny fahavalonareo, dia "hamela azy hatrany amin' ny fitopolo impito ianareo.

41 Ary raha mandiso aminareo ny fahavalonareo ary tsy mibebaka voalohany, dia hamela azy ihany anefa ianareo.

42 Ary raha mandiso aminareo fanindroany izy ka tsy mibebaka, dia hamela azy ihany anefa ianareo.

43 Ary raha mandiso fanintelony aminareo izy ka tsy mibebaka, dia mbola hamela azy ianareo.

44 Fa raha mandiso faninefany aminareo izy, dia tsy hamela azy ianareo fa hitondra ireny vavolombelona ireny eo anoloan' ny Tompo; ary tsy hofafana ireny ambara-pibebany ka hanonerany avo inefatra heny ny zava-drehetra izay efa nandisoany taminareo.

45 Ary raha manao izany izy, dia hamela azy amin' ny fonareo manontolo ianareo; ary raha tsy manao izany izy, dia

32a F&F 27:10.

33a Deot. 20:10;

Almà 48:14–16.

34a F&F 105:38–41.

37a Jos. 23:10; Isa. 49:25.

40a Mat. 18:21–22;

F&F 64:9–11.

TSM Mamela.

Izaho Tompo no “hamaly avo zato heny ny fahavalonareo ho anareo;

46 Ary hamaly ny zanany sy ny zanaky ny zanak’ ireo rehetra izay mankahala Ahy hatra-ny amin’ ny “zafiafy sy ny zafindohalika.

47 Nefa raha mibebaka ny zanaka, na ny zanaky ny zanaka, ary “mitodika amin’ ny Tompo Andriamaniny amin’ ny fony rehetra sy amin’ ny heriny, ny sainy ary ny tanjany rehetra,

ary manonitra avo efatra heny ny fahadisoany rehetra izay efa nandisoany na izay efa nandisoan’ ny razany, na ny razan’ ny razany, dia hahodina hiala ny fahaviniranareo amin’ izany;

48 Ary tsy hihatra aminy intsony ny “famaliana hoy ny Tompo Andriamanitrareo ary ny fahadisoany dia tsy hoentina na oviana na oviana intsony eo anoloan’ ny Tompo ho toy ny vavolombelona hiampangana azy. Amena.

FIZARANA 99

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ i John Murdock, ny volana Aogositra 1832, tao Hiram, Ohio. Na dia nomarihana tamin’ ny famoahana ny Fotopampianarana sy Fanekepimihavanana ny taona 1876 aza fa ity fanambarana ity dia azo tao Kirtland, ny volana Aogositra 1833, ireo famoahana teo aloha sy rakitsoratra ara-tantara hafa dia manamafy fa irỳ voalohany no marina.

1–8, Voantso hitory ny filazantsara i John Murdock, ary ireo izay nandray azy dia mandray ny Tompo ary hahazo famindram-po.

INDRO, toy izao no lazain’ ny Tompo amin’ i John Murdock mpanompoko—voantso ianao handeha hankamin’ ny tany atsinanana, hitety ny isantrano, ny isam-bohitra ary ny isan-tanàna, mba hitory ny filazantsarako maharitra mandrakizay amin’ ny mponiny, eo afovoan’ ny “fanenjehana sy ny faharatsiana.

2 Ary izay “mandray anao dia mandray Ahy; ary hanan-kery hanambara ny teniko amin’ ny ^bfanehoan’ ny Fanahiko Masina ianao.

3 Ary izay mandray anao “taha-ka ny ankizy madinika dia mandray ny ^bfanjakako; ary sambatra izy fa hahazo “famindram-po.

4 Ary na zovy na zovy no mitsipaka anao dia “hotsipahin’ ny Raiko sy ny tranony; ary hodiovinao amin’ ny toerana mangingina amoron-dalana ny ^btongotrao ho vavolombelona hiampanga azy.

45a Mormon 8:20.

46a Deot. 5:9–10.

47a Môsià 7:33;

Môrm. 9:6.

48a Ezek. 18:19–23.

99 1a TSM Fanenjehana.

2a Mat. 10:40.

b 2 Tan. 2:4–5.

3a Mat. 18:1–6.

b TSM Fanjakan’

Andriamanitra na Fanjakan’ ny Lanitra.

d TSM Famindram-po.

4a Jao. 12:44–50.

b F&F 75:19–22.

5 Ary indro ka jereo, “avy fain-gana tokoa ho ^bfitsarana Aho handresy lahatra ny rehetra ny amin’ ny asa ratsiny izay efa nataony nanohitra Ahy araka izay voasoratra momba Ahy ao amin’ ny horonam-boky.

6 Ary ankehitriny, dia lazai-ko aminao marina tokoa fa tsy ilaina ny handehananao raha tsy efa manana vatsy ny

zanakao ary nalefa tamin’ ny hatsaram-panahy ho any amin’ ny evekan’ i Ziona.

7 Ary rehefa afaka taona vitsi-vitsy, raha maniry izany Amiko ianao dia hahazo hiakatra koa ho ao amin’ ny tany lonaka mba hizaka ny lovanao;

8 Raha tsy izany dia hanohy ny fitoriana ny filazantsarako ianao “ambara-paka anao. Amena.

FIZARANA 100

Fanambarana nomena an’ i Joseph Smith Mpaminany sy i Sidney Rigdon tao Perrysburg, New York, ny 12 Ôktôbra 1833 (History of the Church, 1:416, 419–421). Rehefa nandao ny ankohonany nandritra ny andro maro-marô izy roa lahy dia somary velom-panahiana ny amin’ izy ireo ihany.

1–4, Tokony hitory ny filazantsa-ra ho famonjena ny olona i Joseph sy i Sidney; 5–8, Homena azy ireo amin’ izany ora izany indrindra izay tokony holazainy; 9–12, Sidney no ho mpitondrateny ary i Joseph no ho mpanambara sady ho mahery amin’ ny tenioavolombe-lona; 13–17, Hanangana vahoaka madio ny Tompo ary ny mpankatò dia hovanjena.

TOY izao marina tokoa no la-zain’ ny Tompo aminareo ry “Sidney sy ^bJoseph sakaiza-ko, salama tsara ny ankohona-nareo; eo an-tanako izy ireo ary hataoko aminy izay heveriko ho tsara; fa ato Amiko ny hery rehetra.

2 Koa, manaraha Ahy ary

henoy ny torohevitra izay ho-meko anareo.

3 Indro ka jereo, manana va-hoaka betsaka Aho eto amin’ ity toerana ity, eo amin’ ny faritra manodidina; ary varavarana ma-homby no hovohana eo amin’ ny faritra manodidina, amin’ ity tany atsinanana ity.

4 Koa Izaho Tompo dia efa na-mela anareo ho tonga eto amin’ ity toerana ity; satria nilaina tao Amiko izany ho “famonjena ireo olona.

5 Koa lazaiko aminareo marina tokoa, asandrato amin’ ity va-hoaka ity ny feonareo; “teneno ny eritreritra izay hapetrako ao am-ponareo, dia tsy hangaihay eo anoloan’ ny olona ianareo;

6 Fa “homena anareo amin’

5a F&F 1:11–14.
b Joda 1:14–15.
TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.
8a Mat. 19:29.

100 1a TSM Rigdon,
Sidney.
b TSM Smith, Joseph,
zanany
4a TSM Famonjena.

5a Hel. 5:18;
F&F 68:3–4.
6a Mat. 10:19–20;
F&F 84:85.

izany ora izany indrindra, eny, amin' izany fotoana izany indrindra izay holazainareo.

7 Nefa didy iray no omeko anareo dia ny hanambaranareo ny zavatra rehetra "ambaranareo amin' ny anarako, amin' ny fahononam-po, amin' ny fana-hin' ny ^bfahamorana, amin' ny zava-drehetra.

8 Ary omeko anareo izao fampanantenana izao fa raha manao izany ianareo, dia halatsaka ny "Fanahy Masina ho vavolombelona hanambara ny zavatra rehetra izay holazainareo.

9 Ary ilaina Amiko ry Sidney mpanompoko ny haha-"mpitondrateny anao amin' ity vahoaka ity; eny, hatokako marina tokoa ho amin' ity antso ity ianao, dia ny ho mpitondrateny ho an' i Joseph mpanompoko.

10 Ary homeko azy ny hery mba ho matanjaka amin' ny "tenivavolombelona izy.

11 Ary homeko anao ny hery mba ho "matanjaka ianao amin' ny famelabelarana ny soratra masina rehetra, mba hahatonga anao ho mpitondrateny ho azy, ary izy ho ^bmpanambara ho anao, mba hahafantaranao

ny maha-azo antoka ny zavatra rehetra mikasika ny zavatra ny fanjakako eto an-tany.

12 Koa tohizo ny dianareo ary aoka hiravoravo ny fonareo; fa indro ka jereo, fa Izaho momba anareo hatramin' ny farany.

13 Ary ankehitriny dia omeko anareo ny teny momba an' i "Ziona. Ziona dia ^bhaverina ho amin' ny havotana na dia faizina mandritra ny fotoana fohy aza.

14 Ireo rahalahinareo, ny mpanompoko isany Orson "Hyde sy John Gould dia eo an-tanako, ary raha mitandrina ny didiko izy ireo dia hovonjena.

15 Koa aoka hampaherezina ny fonareo; fa ny "zava-drehetra dia hiara-miasa hahasoa ireo izay mandeha araka ny hitsiny tokoa ary ho fanamasinana ny fiangonana.

16 Fa Izaho dia hanangona ho an' ny tenako, vahoaka "madio izay hanompo Ahy amin' ny fahamarinana;

17 Ary izay rehetra "miantso ny anaran' ny Tompo sy mitandrina ny didiny dia hovonjena. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 101

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 16 Desambra 1833 (History of the Church, 1:458-464). Niaritra fanenjehana lehibe ireo Olomasina izay efa tafavory tao Missouri

7a F&F 84:61.
b TSM Halemem-panahy.

8a 2 Ne. 33:1-4.

9a Eks. 4:14-16;
2 Ne. 3:17-18;
F&F 124:103-104.

10a TSM Mijoro ho Vavolombelona.

11a Almà 17:2-3.
b F&F 124:125.

13a TSM Ziona.
b F&F 84:99; 105:9-10,
31, 37.

14a TSM Hyde, Orson.

15a Roma. 8:28;
F&F 90:24; 105:40.

16a TSM Madio.

17a Joe. 2:32;
Almà 38:4-5.

tamin' io fotoana io. Noroahin' ny mpihetraketraka hiala ny tranony tao amin' ny Fivondronan' i Jackson izy ireo; ary efa nanandrana ny nanorim-ponenana tao amin' ny Fivondronan' i Van Buren ny sasany tamin' ireo Olomasina, saingy nanaraka azy ireo ny fanenrehana. Tao amin' ny Fivondronan' i Clay, Missouri, ny ankamaroan' ireo Olomasina tamin' io fotoana io. Maro ireo fandrahonana ho faty natao tamin' ny mpikambana tao amin' ny Fiangonana. Efa nafoin' ny olona ny fanaka tao an-trano, ny fitafiana, ny biby fiompy ary ny fananana manokana hafa; ary maro tamin' ny voliny no efa nopotehina.

1-8, Nofaizina sy nampahoriana ny Olomasina noho ny fandikany ny lalàna; 9-15, Hianjera amin' ireo firenena ny fahaviniran' ny Tompo, saingy hangonina sy hampaherezina kosa ny vahoakany; 16-21, Hatsangana i Ziona sy ireo tsatòkany; 22-31, Fampisehoana ny ho toetry ny fiainana mandritra ny Arivotaona; 32-42, Hotahina ary hovaliana soa ny Olomasina amin' izany; 43-62, Ny fanoharana momba ny andriandahy sy ireo hazo oliva izay maneho ireo korontana sy fanavotana an' i Ziona amin' ny farany; 63-75, Tokony hotohizan' ny Olomasina ny fiarahany mivondrona; 76-80, Ny Tompo no nanao ny Lalàm-panorenan' i Etazonia; 81-101, Tsy maintsy mitambezo ny Olomasina mba hanarenana ireo fahavoazana, araka ny fanoharana ny amin' ilay vehivavy sy ilay mpitsara tsy marina.

LAZAIKO aminareo marina tokoa, momba ireo rahalahinareo izay efa nampahoriana

sy "nenjehina ary ^bnoroahina hiala ny tany lovary —

2 Izaho Tompo dia efa namela ny "fahoriana izay efa nampahoriana azy hianjady aminy ho setrin' ny ^bfandikany lalàna;

3 Kanefa dia hanana azy ireo Aho, ary ho "Ahy ireo amin' ilay andro izay hahatongavako mba hanangonako ny vatosoako.

4 Koa tsy maintsy ilaina ny "hamaizana sy hizahan-toetra azy tahaka an' i ^bAbrahama izay nodidina hanatitra ny zanany lahy tokana.

5 Fa ireo rehetra izay tsy hiharitra famaizana fa "handà Ahy dia tsy azo ^bhamasinina.

6 Indro, lazaiko aminareo, nisy fifamaliana sy "fifandirana ary ^bfialonana sy fifanjihirana mba-min' ny "faniriana feno fahavetavetana sy fitsiriritana teo anivony; koa nolotoiny tamin' izany ny lovary.

7 Nitaredretra izy "hihaino ny feon' ny Tompo Andriamaniny;

101 1a TSM Fanenrehana.

b F&F 103:1-2, 11;
109:47.

2a F&F 58:3-4.

b Môsia 7:29-30;
F&F 103:4; 105:2-10.

3a Isa. 62:3; Mal. 3:17;
F&F 60:4.

4a F&F 95:1-2; 136:31.

TSM Famaizana.

b Gen. 22:1-14;

Jakôba 4:5.

TSM Abrahama.

5a Mat. 10:32-33;

Roma. 1:16;

2 Ne. 31:14.

b TSM Fanamasinana.

6a TSM Fifandirana.

b TSM Mialona.

d TSM Mitsiriritra.

7a Isa. 59:2;

Môsia 11:22-25; 21:15;

Almà 5:38.

koa mitaredretra ny Tompo Andriamaniny hihaino ny fivavany, hamaly azy amin' ny androm-pahasahiranany.

8 Tamin' ny androm-piadanany dia nohamaivaniny ny torohevitra; nefa amin' ny androm-pahasahiranany dia ^btadiaviny Aho noho ny hamaizany.

9 Lazaiko aminareo marina tokoa, na dia eo aza ny fahotany, dia feno ^afangorahana aminy ny kiboko. Tsy ^bholaviko tante-raka izy; ary amin' ny androm-^apisafoahana, dia hahatsiaro famindram-po Aho.

10 Efa nianiana Aho, ary ny didim-pitondrana dia efa nivoaka tamin' ny alalan' ny didy izay efa nomeko anareo teo aloha, fa havelako hianjera ny ^asabatra ny fahavinirako noho ny amin' ny vahoakako; ary araka ny efa voalazako no hitrangan' izany.

11 Tsy ho ela dia haidina tsy misy fetra amin' ny firenendrehetra ny fahavinirako; ary izany dia hataoko rehefa ^afeno ny kapoaky ny fahotany.

12 Ary amin' izany andro izany ireo rehetra izay hita eny amin' ny ^atilikambo fiambenana, na amin' ny teny hafa, ny Isiraoliko rehetra, dia hovanjena.

13 Ary ireo izay efa naely patrana dia ^ahanganina.

14 Ary ireo rehetra izay efa ^anitoloko dia hampaherezina.

15 Ary ireo rehetra izay efa namoy ny ^aainy noho ny anarako dia hosatrohina satroboninahitra.

16 Koa aoka hionona ny fonareo momba an' i Ziona; fa eo ^aan-tanako ny nofo rehetra; mitonia ary ^bfantaro fa Izaho no Andriamanitra.

17 Tsy hoesorina hiala eo amin' ny toerany i ^aZiona, na dia aely patrana aza ny zanany.

18 Ireo izay mijanona sy madio am-po dia hody sy ho tonga eo amin' ny ^alovany, izy sy ny zanany, miaraka amin' ny ^bhiran' ny fifaliana maharitra mandrakizay, ka ^ahanarina ny toerana rava ao Ziona —

19 Ary ireny rehetra ireny dia ny mba hahatanteraka ny faminiam' ireo mpaminany.

20 Ary indro, tsy misy ^atoerana voatondro hafa noho izay efa notondroiko; sady tsy hisy toerana voatondro hafa noho izay efa notondroiko ho an' ny asa fanangonana ny olomasiko —

21 Ambara-pahatongan' ny andro izay tsy ahitana toerana intsony ho azy; ary amin' izay Aho dia manana ireo toerana

8a Hel. 12:3.

b Asa 17:27;

Almà 32:5-16.

9a TSM Fangorahana;

Famindram-po.

b Jer. 30:11.

d F&F 98:21-22.

10a F&F 1:13-14.

11a Hel. 13:14;

Etera 2:9-11.

12a TSM Mpiambina.

13a Deot. 30:3-6;

1 Ne. 10:14.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

14a Mat. 5:4.

15a Mat. 10:39.

TSM Maritiora.

16a Mos. 6:32.

b Eks. 14:13-14;

Sal. 46:10.

17a TSM Ziona.

18a F&F 103:11-14.

b Isa. 35:10;

F&F 45:71.

TSM Mihira.

d Amo. 9:13-15;

F&F 84:2-5; 103:11.

20a F&F 57:1-4.

hafa izay hotondroiko ho azy; ary ireo dia hatao hoe “tsatòka ho an’ ny lay na ny tanjak’ i Ziona.

22 Indro, izao no sitrapoko: izay rehetra miantso ny anarako ary mitsaoka Ahy araka ny filazantsarako maharitra mandrakizay dia tokony hiaraka “hivondrona sy ^bhijoro eo amin’ ireo toerana masina;

23 Ary hiomana ho amin’ ny fanambarana izay ho avy, rehefa hoesorina hiala ny “voaly fandrakofana ny tempoliko, ao amin’ ny tabernakeliko, izay manafina ny tany, ary hiara-^bhahita Ahy ny nofo rehetra.

24 Ary ny zavatra “mety lo rehetra, na amin’ ny olona, na amin’ ny biby any an-tsaha, na amin’ ny voromanidin’ ny habakabaka, na amin’ ny hazandra-non’ ny ranomasina, ka mitoetra eto ambonin’ ny tany manontolo, dia ^bholevonina;

25 Ary koa izay an’ ny singa dia “hiempo amin’ ny hafanana mahamay; ary ny zavatra rehetra dia ho tonga ^bvaovao mba hahazoan’ ny fahalalako sy ny voninahitro “mitoetra eran’ ny tany manontolo.

26 Ary amin’ izay andro izay

ny “fifandrafian’ ny olona sy ny fifandrafian’ ny biby, eny, ny fifandrafian’ ny nofo rehetra dia ^bhitsahatra eo anoloan’ ny tavako.

27 Ary amin’ izay andro izay, na inona na inona hangatahin’ ny olona, dia homena azy izany.

28 Ary amin’ izay andro izay, dia tsy hanan-kery hakana fanahy ny olona i “Satana.

29 Ary tsy hisy “alahelo satria tsy misy fahafatesana.

30 Amin’ izay andro izay, dia tsy ho faty ny “zaza raha tsy efa antitra; ary ny androm-piainany dia ho tahaka ny taonan’ ny hazo;

31 Ary rehefa maty izy dia tsy hatory, izany hoe ao ambanin’ ny tany, fa “hovaina ao amin’ ny indray mipi-maso sy ^bhakarina hiakatra, ary ny fitsaharany dia ho be voninahitra.

32 Eny, lazaiko aminareo marina tokoa, amin’ izay “andro izay, rehefa ho avy ny Tompo, dia ^bhambarany ny zavatra rehetra—

33 Zavatra izay efa lasa sy zavatra “mifafina izay tsy misy olona nahafantatra, zavatra ny tany izay tamin’ izany no nanaova-

21a F&F 82:13-14; 115:6, 17-18.

TSM Tsaòka.

22a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

^b Mat. 24:15;

F&F 45:32; 115:6.

23a TSM Voaly.

^b Isa. 40:5;

F&F 38:8; 93:1.

TSM Fiavian’ i Jesoa Kristy Fanindroany.

24a F&F 29:24.

^b Zef. 1:2-3; Mal. 4:1;

F&F 88:94; JS—T 1:37.

25a Amo. 9:5;

2 Pet. 3:10-14.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

^b Fan. 21:5.

^d TSM Arivotaona.

26a Isa. 11:6-9.

TSM Fandrafiana.

^b TSM Fiadanana.

28a Fan. 20:2-3;

1 Ne. 22:26;

F&F 88:110.

29a Fan. 21:4.

30a Isa. 65:20-22;

F&F 63:51.

31a 2 Tan. 15:52;

F&F 43:32.

^b 1 Tes. 4:16-17.

32a F&F 29:11.

TSM Arivotaona.

^b F&F 121:26-28.

33a TSM Misterin’ Andriamanitra.

na azy, ary ny zava-kinendy sy ny tanjon' ny tany —

34 Zavatra tena sarobidy indrindra, zavatra izay eny ambony sy zavatra izay etỳ ambany, zavatra izay ao anatin' ny tany sy ambonin' ny tany ary any an-danitra.

35 Ary ireo rehetra izay miaritra "fanenjhana noho ny anarako ary maharitra amin' ny finoana, na dia voantso hamoy ny ainy noho ny ^bAmiko aza izy ireo, dia hanana anjara kosa amin' izany voninahitra rehetra izany.

36 Koa aza matahotra na dia ny ho "faty aza; fa eo amin' izao tontolo izao dia tsy feno ny fifalianareo, fa ao Amiko dia feno ny ^bfifalianareo.

37 Koa aza manahy ny amin' ny vatana, na ny ain' ny vatana; fa manahia ny amin' ny "fanahy sy ny amin' ny ain' ny fanahy.

38 Ary "tadiavo mandrakariva ny tavan' ny Tompo, mba ho amin' ny ^bfaharetana no hahatananareo ny fanahinareo, dia hanana ny fiainana mandrakizay ianareo.

39 Rehefa antsoina ho amin' ny "filazantsarako maharitra mandrakizay ny olona ary manao fanekena amin' ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay, dia isaina ho toy ny

^b 'siran' ny tany sy ny tsiron' ny olona izy;

40 Antsoina izy ireo ho tsiron' ny olona; koa raha ny fanasin' ny tany no manary ny tsirony, dia indro tsy tsara na amin' inona na amin' inona afa-tsy ny hariana any ivelany izy ary hohosen' ny tongotry ny olona.

41 Indro, eto no fahendrena momba ny zanak' i Ziona, dia ny maro fa tsy ny rehetra; hita ho mpandika lalàna izy ireo, koa tsy maintsy ilaina "hofaizina —

42 Izay "manandra-tena no haetry ary izay ^bmanetry tena no hasandratra.

43 Ary ankehitriny, dia haneho fanoharana iray aminareo Aho hahafantaranareo ny sitrapoko momba ny fanavotana an' i Ziona.

44 Nanana sombin-tany tena tsara ity "andriandahy iray; ary hoy izy tamin' ny mpanompony: Mandehana ianareo manka-ny amin' ny ^btanimoaloboko, dia any amin' ilay sombin-tany tena tsara, ka mambole hazo oliva roa ambin' ny folo;

45 Dia asio "mpitily manodidina azy ireo ary atsangano ny tilikambo hahazoan' ny anankiray mitsinjo ny tany manodidina, ka ho mpitily eo amin' ny tilikambo izy mba tsy hahazoana mandavo ny hazo olivako

35a F&F 63:20.

TSM Fanenjhana.

^b F&F 98:13.

36a TSM Fahafatesan' ny Vatana.

^b TSM Fifaliana.

37a TSM Fanahy (Fitambaran' ny Vatana sy ny Fanahy).

38a 2 Tan. 7:14; F&F 93:1.

^b TSM Faharetana.

39a TSM Fanekepihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizay.

^b Mat. 5:13; F&F 103:10.

41a TSM Famaizana.

42a Oba. 1:3-4; Lio. 14:11;

Hel. 4:12-13.

^b Lio. 18:14.

TSM Fanetren-tena.

44a F&F 103:21-22.

^b TSM Tanimbolin' ny Tompo.

45a Ezek. 33:2, 7;

3 Ne. 16:18.

TSM Mpiambina.

rehefa ho avy ny fahavalo ham-babo sy hibodo ny vokatry ny tanimboaloboko.

46 Ankehitriny, dia nandeha ireo mpanompon' ilay andriandahy ary nanao araka ny nandidian' ny tompony azy ireo, ka namboly hazo oliva sy nanangana fefy manodidina ary nametraka mpitily sy nanomboka nanangana tilikambo.

47 Ary raha mbola nandatsaka ny fototr' izany izy ireo dia nanomboka nifampiresaka hoe: Ary inona no ilan' ny Tompoko ity tilikambo ity?

48 Ary nikaon-doha nandritra ny fotoana ela izy ireo ka nifampiresaka hoe: Inona no ilan' ny Tompoko ity tilikambo ity, kanefa dia mandry fahalemana izao fotoana izao?

49 Moa tsy ho azo nomena ny mpanjana-bola va ity vola ity? Satria tsy misy ilana ireto zavatra ireto.

50 Ary raha mbola tsy nifanaraka teo izy samy izy dia nanjary nalaina indrindra ka tsy nihaino ny didin' ny tompony.

51 Ary tonga ny fahavalo nony alina ka nanjera ny “fefy; dia nitsangana ireo mpanompon' ilay andriandahy sady raikitahotra ka nandositra; dia nandrava ny asany ny fahavalo ka nandavo ireo hazo oliva.

52 Ankehitriny indro, nantsoin' ilay andriandahy, tompon' ny tanimboaloboka, ireo mpanompony ary nataony hoe: Endre! inona no anton' izao faharatsiana lehibe izao?

53 Tsy tokony ho nanao araka izay efa nandidiako anareo va ianareo, ary — rehefa avy namboly ny tanimboaloboka sy nanangana ny fefy manodidina ary nametraka mpitily teo amin' ny mandany — nanangana ny tilikambo koa sy nametraka mpitily teo amin' ny tilikambo ary niambina ny tanimboaloboko ka tsy ho resy tory, fandrao hisovoka anareo ny fahavalo?

54 Ary indro, ny mpitily teo amin' ny tilikambo dia ho nahita ny fahavalo raha mbola lavitra izy; ary ho afaka niomana ianareo ary ho nisakana ny fahavalo tsy handrava ny fefiny ary ho namonjy ny tanimboaloboko tamin' ny tanan' ny mpandrava.

55 Ary hoy ny tompon' ny tanimboaloboka tamin' ny anankiray tamin' ny mpanompony: Andeha angony ny sisa tavela amin' ny mpanompoko ary alaovy “avokoa ny tanjaky ny tranoko, dia ny miaramilako, ny zatovolahiko ary ireo izay be taona koa eo anivon' ny mpanompoko rehetra izay tanjaky ny tranoko, afa-tsy ireo izay efa notendreko hijanona;

56 Ary mandehana avy hatrany ianareo mankany amin' ny tanimboaloboko, ary avoty ny tanimboaloboko; fa ahy izany; efa novidiko tamin' ny vola.

57 Koa mandehana avy hatrany ianareo mankany amin' ny taniko; azerao ny mandan' ny fahavaloko; arodany ny tilikambony ary aparitaho ny mpitiliny.

58 Ary raha mivondrona izy

hanohitra anareo, dia “valio amin’ ny fahavaloko ny nataony tamiko mba hahatongavako tsy ho ela miaraka amin’ ny sisa tavela amin’ ny ankohonako ary hizaka ny tany.

59 Dia hoy ilay mpanompo tamin’ ny tompony: Rahoviana no hitranga izany zavatra izany?

60 Ary hoy izy tamin’ ilay mpanompony: Rehefa sitrako; mandehana avy hatrany ianao, ary ataovy ny zava-drehetra, na inona na inona ka efa nandidiako anao;

61 Ary izao no ho kase sy ho tsodranoko aminao — mpitan-tan-draharaha mahatoky sy “hendry eo afovoan’ ny tranoko, ^bmpanapaka ao amin’ ny fanjakako.

62 Dia nandeha avy hatrany ilay mpanompony ary nanao ny zava-drehetra, na inona na inona ka efa nandidian’ ny Tompony azy; ary tanteraka ny zava-drehetra rehefa “afaka andro maro.

63 Ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, hasehoko anareo ny fahendrena ato Amiko momba ny fiangonana rehetra, raha vonona izy ny hotarihina amin’ ny fomba marina sy mety mba ho famonjena azy ireo —

64 Mba hahazoana manohy ny asa fanangonana ny Olomasisiko, mba hahazoako manorina

azy ho amin’ ny anarako eo amin’ ireo “toerana masina; fa efa tonga ny fotoam-^bpijinjana, ary ny teniko dia tsy maintsy ho “tanteraka.

65 Koa tsy maintsy manangona ny oloko Aho, araka ny fanoharana ny amin’ ny voa tsara sy ny “voan-tsimparifary, mba ho azo tehirizina any an-tsompitra ny voa tsara ka hahazo ny fiainana mandrakizay sy hosatrohina ^bvoninahitra selestialy, rehefa ho tonga ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko Aho hamaly ny olona tsirairay araka ny asa ataony;

66 Raha ny tsimparifary kosa hafatotra ho amboara, ary hohamafisina ny fatorany mba hahazoana “mandoro azy amin’ ny afo tsy mety maty.

67 Koa didy iray no omeko ho an’ ny fiangonana rehetra mba hanohizany ny fiarahany mivondrona amin’ ireo toerana izay voatendriko.

68 Kanefa, toy izay efa nolazainy aminareo tamin’ ny didy teo aloha, aoka ny “fivondronanareo tsy hatao amin’ ny firototoana na amin’ ny fandosirana; fa aoka ny zava-drehetra ho voaomana eo anoloanareo.

69 Ary mba hahatonga ny zava-drehetra ho voaomana eo anoloanareo, dia tandremo ny didy izay efa nomeko momba ireto zavatra ireto —

70 Izay milaza na mampiana-

58a F&F 97:22–24; 105:15.

61a F&F 78:22.

^b Mat. 25:20–23.

62a F&F 105:37.

64a F&F 87:8.

^b F&F 33:3, 7.

TSM Fararano.

^d F&F 1:38.

65a Mat. 13:6–43;

F&F 86:1–7.

^b TSM Voninahitra

Selestialy.

66a Naho. 1:5;

Mat. 3:12;

F&F 38:12; 63:33–34.

68a F&F 58:56.

tra ny “hividy ny tany rehetra amim-bola, izay azo vidina amim-bola, eo amin’ ny faritry ny tany izay efa voatendriko ho tanin’ i Ziona, ho fanombohana ny fanangonana ny Olomasiko;

71 Ny tany rehetra izay azo vidina ao amin’ ny fivondronan’ i Jackson sy ao amin’ ireo fivondronana manodidina, aryavelao ny sisa ho eo an-tanako.

72 Ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ny fiangonana rehetra hiarahanangona ny volany rehetra; aoka ireny zavatra ireny hatao amin’ ny fotoany fa tsy amin’ ny “firotorotoana; ary ezaho ny hanana ny zava-drehetra ho voaomana eo anoloanareo.

73 Ary aoka hotendrena ireo olo-manan-kaja, dia ireo olonkendry, ary iraho ireo hividy ireny tany ireny.

74 Ary ireo fiangonana any amin’ ny tany atsinanana, rehefa tafatsangana, raha mety mihaino izao torohevitra izao, dia mahazo mividy tany ary mivondrona eo amin’ ireny; ary amin’ izany fomba izany ho hahazoany manorina an’ i Ziona.

75 Efa misy sahady ankehitriny ny tahiry ampy, eny, betsaka aza, hanavotana an’ i Ziona sy hanarenana ny toerany rava ka tsy horavana intsony, raha toa ireo fiangonana izay miantso

ny tenany araka ny anarako “vonona hihaino ny feoko.

76 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ny sitrapoko dia ny hanohizan’ ireo izay efa naelin’ ny fahavalony ny fitambezoany ho an’ ny fanarenana sy fanavotana amin’ ny alalan’ ny tanan’ ireo izay napetraka ho mpanapaka sy ho manampahefana aminareo—

77 Araka ny lalàna sy ny “lalàm-panorenan’ ny vahoaka izay efa navelako mba haorina ary tokony hotanana ho an’ ny ^bzo sy ny fiarovana ny nofo rehetra araka izay fitsipika marina sy masina;

78 Hahazoan’ ny olona tsirairay miasa araka ny fotopampianarana sy ny fitsipika mikasika ny hoavy, araka ny “safidimpitondrantena izay efa nomeko azy, ka ny olona tsirairay dia ho azo ^bampamoahina ny amin’ ny fahotany avy amin’ ny andro ^dfitsarana.

79 Koa tsy rariny ny fisian’ ny olona andevozin’ ny olona hafa.

80 Ary ho amin’ izany tanjona izany no efa nametrahako ny “Lalampanorenan’ ity tany ity tamin’ ny alalan’ ny tanan’ ireo olonkendry izay efa natsangako ho amin’ izany tanjona izany indrindra sy nanavotako ny tany tamin’ ny ^bfandatsahan-dra.

81 Ankehitriny, amin’ ny inona no hanoharako ny zanak’ i Ziona? Hohariko amin’ ny

70a F&F 63:27–29.

72a Isa. 52:10–12.

75a Almà 5:37–39.

77a TSM Fitondrampanjakana.

b TSM Fahalalahana.

78a TSM Safidy.

b TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

d TSM Fitsarana

Farany, Ny.

80a 2 Ne. 1:7–9;

F&F 98:5–6.

TSM Lalampanorenanana.

b 1 Ne. 13:13–19.

"fanoharana momba ilay vehivavy sy ilay mpitsara tsy marina izy ireo, satria ny olona dia tokony ^bhivavaka mandrakariva ka tsy ho kivy, fanoharana izay manao hoe—

82 Nisy mpitsara tao amin' ny tanàna iray, izay tsy natahotra an' Andriamanitra no tsy nira-haraha olona.

83 Ary nisy mpitondratena tao amin' izany tanàna izany, ary nankao aminy izy nanao hoe: Omeo rariny amin' ilay miady amiko aho.

84 Ary tsy nety izy aloha, sain-gy taorian' izany, dia hoy izy anakampo: Na dia tsy matahotra an' Andriamanitra aza aho sady tsy miraharaha olona, dia homeko rariny ihany io mpitondratena io satria manelingelina ahy, fandrao hampahasosotra ahy ny fiverimberenany tsy tapaka.

85 Dia hohariko amin' izany ny zanak' i Ziona.

86 Aoka izy ireo hitambezo eo an-tongotry ny mpitsara;

87 Ary raha tsy raharahainy izy ireo, dia aoka izy ireo hitambezo eo an-tongotry ny governora;

88 Ary raha tsy raharahain' ny governora izy ireo, dia aoka izy ireo hitambezo eo an-tongotry ny filoha;

89 Ary raha tsy raharahain' ny filoha izy ireo, dia hitsangana

ny Tompo ary hivoaka avy ao amin' ny toerany "miafina ary hamely ny firenena amin' ny fahavinirany;

90 Ary amin' ny hasosorany mavaivay sy amin' ny hatezerany mirehitra, amin' ny fotoa-ny no hanesorany hiala ireo "mpitantana ratsy fanahy, tsy mahatoky ary tsy marina, ary hanomezany ny anjaran' izy ireo any anivon' ny mpihatsa-ravelatsihy sy ny ^btsy mpino;

91 Dia any amin' ny haizina any ivelany izay misy "fitom-niana sy fidradradradrana ary fikitroha-nify.

92 Koa mivavaha ianareo hiso-kafan' ny sofin' izy ireo amin' ny tolokonareo mba hahatonga Ahy ho "feno famindram-po aminy ka tsy hianjady aminy ireo zavatra ireo.

93 Izay efa nolazaiko anareo dia tsy maintsy ilaina ho to, mba tsy havela ho "afa-tsiny ny olon-drehetra;

94 Mba handre sy hahafanta-tra izay tsy "nosaintsaininy na oviana na oviana ny olon-kendry sy ny mpanapaka;

95 Mba hahazoako miroso hanatontosa ny ataoko, ilay ataoko "hafahafa, ary hanatanteraka ny asako, ilay asako hafahafa, mba hahazoan' ny olona ^bmanavaka ny olo-marina amin' ny olon-dratsy, hoy ny Andriamanitrareo.

81a Lio. 18:1-8.

^b TSM Vavaka.

89a Isa. 45:15;

F&F 121:1, 4; 123:6.

90a TSM Fitantanan-draharaha.

^b Fan. 21:8.

TSM Tsy Finoana.

91a Mat. 25:30;

F&F 19:5; 29:15-17;
124:8.

92a TSM Famindram-po.

93a Roma. 1:18-21.

94a Isa. 52:15;

3 Ne. 20:45; 21:8.

95a Isa. 28:21;

F&F 95:4.

^b Mal. 3:18.

TSM Mamantatra,
Fanomezam-paha-soavana Hoenti-

96 Ary ankoatra izany, dia la-
zaiko aminareo fa mifanohitra
amin' ny didiko sy ny sitrapoko
ny famarotan' i Sidney Gilbert
mpanompoko ny "trano fitehi-
rizako, izay efa voatendriko ho
an' ny vahoakako, ho eo an-
tanan' ny fahavaloko.

97 Aoka izay efa voatendriko
tsy holotoin' ny fahavaloko
noho ny faneken' ireo izay
"miantso ny tenany amin' ny
anarako;

98 Satria izany dia fahotana
tena lehibe sy mavesatra Amiko
sy amin' ny vahoakako, noho
ireo zavatra izay efa notapahi-

ko sy izay efa hihatra tsy ho ela
amin' ireo firenena.

99 Koa sitrako ny hitakian' ny
vahoakako sy hihazonany ny
fitakiany amin' izay efa voaten-
driko ho azy, na dia tsy havela
hitoetra amin' izany aza izy.

100 Na dia izany aza dia tsy
milaza Aho fa tsy hitoetra amin'
izany izy; fa araka izay amoka-
rany voa sy asa mendrika ny
fanjakako no hitoerany amin'
izany.

101 Hanorina izy ary tsy "han-
dova izany ny hafa; hamboly ta-
nimboaloboka izy ary hihinana
ny voany. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 102

Fitanana an-tsoratra ny fandaminana ny filankevitra avo voalohan' ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio, ny 17 Febroary 1834 (History of The Church, 2:28–31). Ny fitanana an-tsoratra fototra dia nosoratan' ny Loholona isany, Oliver Cowdery sy i Orson Hyde. Nanitsy ny fitanana an-tsoratra ny Mpaminany, roa andro tatỳ aoriana, ary novakina tamin' ny filankevitra avo izany ka nankatoaviny. Ny andininy 30 ka hatramin' ny 32, izay miompana amin' ny Filankevitry ny Apostoly Roa ambin' ny folo, dia natovan' i Joseph Smith Mpaminany tamin' ny taona 1835, rehefa nanomana io fizarana io mba havoaka ao amin' ny Fotopampiana-rana sy Fanekepiahavanana izy.

1–8, Voatendry ny filankevitra
avo mba handamina ireo fahasa-
hiranana lehibe izay mipoitra
ao amin' ny Fiangonana; 9–18,
Fanomezana ireo fombafomba
hoenti-mitsara; 19–23, Ny filohan'
ny filankevitra no mandray ny
fanapahan-kevitra; 24–34, Haza-
vaina ny fangatahana fitsarana
ambony.

ANDROANY dia nivory teto
zanany, noho ny fanambarana,
ny filankevitra ankapoben' ny
mpisorona avo efatra amby
roapolo ary niroso tamin' ny
fananganana ny "filankevitra
avon' ny fiangonan' i Kristy,
izay tokony hahitana mpisoro-
na avo roa ambin' ny folo ary

96a TSM Trano
Fitehirizana.
97a F&F 103:4;

112:25–26; 125:2.
101a Isa. 65:21–22.
TSM Arivotaona.

102 1a TSM Filankevitra
Avo.

filoha iray na telo, arakaraka ny zava-mitranga.

2 Notendrena tamin' ny alalan' ny fanambarana ny filankevitra avo, ka ny tanjony dia ny fandaminana ireo fahasahiranana lehibe izay mety hipoitra ao mpiangonana, izay tsy hain' ny fiangonana na ny "filankevitry ny eveka alamina mba ho fahafahampon' ny isan-tokony avy.

3 I Joseph Smith zanany, i Sidney Rigdon ary i Frederick G. Williams dia nolanian' ny filankevitra ho filoha; ary i Joseph Smith Rainy, i John Smith, i Joseph Coe, i John Johnson, i Martin Harris, i John S. Carter, i Jared Carter, i Oliver Cowdery, i Samuel H. Smith, i Orson Hyde, i Sylvester Smith ary i Luke Johnson, izay samy mpisorona avo, dia nolanian' ny filankevitra rehetra ho filankevitra maharitra ho an' ny fiangonana.

4 Tamin' izay dia nanontanianana ireo mpanolotsaina voalaza anarana etsy ambony ireo raha nanaiky ny fanendrena azy ireo, sy hiasa ao amin' ity anjara fanompoana ity araka ny lalàn' ny lanitra izy; dia namaly izy rehetra fa nekeny ny fanendrena azy ireo ary hotontosainy araka ny fahasoavan' Andriamanitra nomena azy ireo ny anjara fanompoany.

5 Ny isan' ny olona tamin' ny filankevitra, izay nifidy tamin' ny anarana sy ho an' ny fiangonana ka nanendry an' ireo mpanolotsaina voalaza anarana etsy ambony ireo, dia telo amby efa-

polo, toy izao manaraka izao: mpisorona avo sivy, loholona fito ambin' ny folo, mpisorona efatra, ary mpikambana telo ambin' ny folo.

6 Lany: fa ny filankevitra avo dia tsy afaka ny hanana fahefana hiasa raha tsy eo ny fito amin' ireo mpanolotsaina voalaza anarana etsy ambony ireo, na ny mpisolo toerana azy voatendry araka ny fitsipika.

7 Ireo fito ireo dia hanana ny fahefana mba hanendry ireo mpisorona avo hafa izay heveriny ho mendrika sy ho afaka hiasa eo amin' ny toeran' ireo mpanolotsaina tsy eo.

8 Lany: fa isaky ny mitranga ny fahabangana iray amin' ireo mpanolotsaina voalaza anarana etsy ambony ireo noho ny fahafatesana, ny fanesorana amin' ny anjara fanompoana noho ny fandikan-dalàna na ny fialana amin' ny faritr' ity fitondrampiangonana ity, dia hofenoina izany amin' ny alalan' ny fanendren' ny filoha na ireo filoha, sy ny fankatoavan' ny filankevitra ankapoben' ny mpisorona avo novoriana noho izany antony izany mba hahefa amin' ny anaran' ny fiangonana.

9 Ny filohan' ny fiangonana, izay filohan' ny filankevitra ihany koa, dia tendrena amin' ny alalan' ny "fanambarana ary tohanana amin' ny fitantanan' amin' ny alalan' ny feon' ny fiangonana.

10 Ary mifanentana amin' ny fahamendrehan' ny anjara fa-

nompoany ny tokony hiahiany ny filankevitry ny fiangonana; ary zony ny mba hanampian' ny filoha anankiroa hafa azy, tendrena araka ny fomba nendrena azy ihany.

11 Ary amin' ny fahabangan' ny anankiray na izy roroa izay voatendry mba hanampy azy, dia manana fahefana izy hiahy ny filankevitra tsy misy mpampy; ary raha izy tenany mihitsy no tsy eo, dia manana fahefana hiahy eo amin' ny toerany ireo filoha hafa, na izy roroa miaraka na ny iray aminy ihany.

12 Isaky ny tafatsangana araka ny fitsipika ny filankevitra avon' ny fiangonan' i Kristy, araka ny toromarika etsy ambony, dia ho andraikitry ny mpanolotsaina roa ambin' ny folo ny manao antsapaka amin' ny isa mba hahafantarana ny laharan' izay hiteny voalohany amin' izy roa ambin' ny folo, manomboka amin' ny laharana voalohany sy ny manaraka izany ka hatrany amin' ny laharana faharoa ambin' ny folo.

13 Isaky ny mivory ity filankevitra ity mba hanapaka ny momba ny toe-draharaha mety hisy, dia hodinihin' ireo mpanolotsaina roa ambin' ny folo raha toa ka sarotra izany na tsia; raha tsia, dia roa ihany amin' ireo mpanolotsaina no hiteny momba izany, araka ny fomba voasoratra etsy ambony.

14 Saingy raha heverina ho sarotra izany, dia hotendrena

ny efatra; ary raha sarotsarotra kokoa dia enina; saingy na manao ahoana na manao ahoana izany, dia tsy mihoatra ny enina ireo hotendrena mba hiteny.

15 Amin' ny lafiny rehetra, dia manana zo hatrany amin' ny antsasaky ny filankevitra ny voampanga mba hisorohana ny faniratsirana na ny tsy fahamarinana.

16 Ary ireo mpanolotsaina voatendry hiteny eo anoloan' ny filankevitra no hanolotra ny toe-draharaha amin' ny tena fahamarinany eo anoloan' ny filankevitra, rehefa voadinika ny porofo; ary ny olona tsirairay dia hiteny araka ny rariny sy ny "hitsiny.

17 Ireo mpanolotsaina izay nisintona isa ankasa, izany hoe, 2, 4, 6, 8, 10 ary 12 no olona izay hitsangana amin' ny anaran' ny voampanga, mba hisorohana ny faniratsirana sy ny tsy fahamarinana.

18 Amin' ny lafiny rehetra, dia hanana zo hiteny ho an' ny tenany eo anoloan' ny filankevitra ny mpiampanga sy ny voampanga, rehefa re ny porofo ary avy namarana ny fanamarihany ireo mpanolotsaina izay voatendry hiteny momba ilay toe-draharaha.

19 Rehefa re ny porofo ary efa niteny ireo mpanolotsaina sy ny mpiampanga sy ny voampanga, dia handray fanapahan-kevitra ny filoha araka ny fahatakarana-tsaina izay anana, ny momba ilay toe-draharaha,

ka hangataka ireo mpanolotsaina roa ambin' ny folo izy hampanan-kery izany amin' ny alalan' ny fifidianany.

20 Fa raha mahita hadisoana amin' ny fanapahan-kevitra ny filoha ireo mpanolotsaina sisa izay tsy mba niteny na ny anankiray taminy, taorian' ny fandrenesana ny porofo sy ny fifandaharana tsy misy fitongilanana, dia afaka maneho izany izy ireo, ary dia hotsaraina indray ilay toe-draharaha.

21 Ary aorian' ny famerenana amin' ny an-tsipiriany ny fitsarana, raha misy fanampimpanazavana ampahafantarina momba ilay toe-draharaha, dia hovaina araka izany koa ny fanapahan-kevitra.

22 Fa raha tsy misy kosa fanampim-panazavana omena, dia hotanana ny fanapahan-kevitra voalohany sady manana fahefana handray izany ny maro an' isa ao amin' ny filankevitra.

23 Raha misy fahasaratana mikasika ny "fotopampianarana na ny fitsipika, raha tsy ampy izay voasoratra mba hampahazava ilay toe-draharaha ao antsain' ny filankevitra, dia afaka mangataka sy mahazo ny sain' ny Tompo amin' ny alalan' ny ^bfanambarana ny filoha.

24 Ireo mpisorona avo, rehefa any ivelany, dia manana fahefana hamory sy hanangana filankevitra araka ny fomba voalaza etsy ambony, mba handaminana ny fahasaratana, rehefa man-

gataka izany ireo mpifanolana na ny anankiray aminy.

25 Ary io filankevitra ny mpisorona avo voalaza io dia hanana fahefana hanendry ny anankiray aminy hiahy ny filankevitra toy izany mandritra izany fotoana izany.

26 Ho andraikitr' io filankevitra voalaza io ny mandefa avy hatrany ny tahadikan' ny fitanany an-tsoratra miaraka amin' ny filazana feno ny fanamarinana ny fanapahan-keviny any amin' ny filankevitra avon' ny foiben' ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonana.

27 Raha tsy afa-po tamin' ny fanapahan-kevitr' io filankevitra voalaza io ireo mpifanolana, na ny anankiray aminy, dia afaka mampiakatra ny raharaha any amin' ny filankevitra avon' ny foiben' ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonana, ka haverina hotsaraina araka ny toromarika voasoratra etsy ambony ilay toe-draharaha, toy ireny tsy nandraisana fanapahan-kevitra ireny.

28 Io filankevitra ny mpisorona avo io any ivelany dia tsy voriana raha tsy amin' ny toejavatra "sarotra indrindra momba ny raharahan' ny fiangonana; ary tsy misy toe-draharaha mahazatra sy fahita ampy hamoriana filankevitra toy izany.

29 Ireo mpisorona avo mandehandeha na monina any ivelany dia manana fahefana hilaza raha toa ilaina ny hamoriana filankevitra toy izany na tsia.

30 Misy maha-samy hafa ny

filankevitra avo na ny mpisorona avo mpandeha any ivelany amin' ny filankevitra avo "mpandehandeha izay misy ny 'apostoly roa ambin' ny folo, eo amin' ny fanapahan-keviny.

31 Azo akarina fitsarana ambonny ny fanapahan-kevitr' iretsy voalohany; fa tsy azo atao izany kosa ny fanapahan-kevitr' ireto farany.

32 Ny Manampahefana ambonny amin' ny fiangonana ihany no afaka mitsipaka ireto farany raha misy ny fandikan-dalàna.

33 Tapaka fa ny filoha na ireo filoha ao amin' ny foiben' ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonana dia hanana fahefana hamantatra raha toa ny toedraharaha iray izay ho nakarina fitsarana ambony mendrika marina tokoa ny hotsaraina

indray, rehefa avy nandinika ny fangataham-pitsarana ambony sy ny porofo ary ny filazana miaraka amin' izany.

34 Tamin' izay dia niroso tamin' ny fifidianana na ny antsapaka ireo mpanolotsaina roa ambin' ny folo mba hanendry izay tokony hiteny voalohany ary toy izao manaraka izao no valiny: 1, Oliver Cowdery; 2, Joseph Coe; 3, Samuel H. Smith; 4, Luke Johnson; 5, John S. Carter; 6, Sylvester Smith; 7, John Johnson; 8, Orson Hyde; 9, Jared Carter; 10, Joseph Smith, rainy; 11, John Smith; 12, Martin Harris. Taorian' ny vavaka dia nahantona ny fihonambe.

OLIVER COWDERY

ORSON HYDE

Mpitan-tsoratra

FIZARANA 103

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 24 Febroary 1834 (History of The Church, 2:36–39). Ity fanambarana ity dia azo taorian' ny fahatongavan' i Parley P. Pratt sy i Lyman Wight, izay avy any Missouri ary tonga tao Kirtland, Ohio, mba hikaon-doha miaraka amin' ny Mpaminany momba ny fanampiana sy ny fampodiana ireo Olomasina amin' ny taniny, ao amin' ny Fivondronan' i Jackson.

1–4, Nahoana no navelan' ny Tompo henjehina ireo Olomasina tao amin' ny Fivondronan' i Jackson; 5–10, Handresy ny Olomasina raha mitandrina ny didy; 11–20, Ho tonga amin-kery ny fanavotana an' i Ziona, ary ny Tompo no handeha eo anoloan' ny vahoakany; 21–28, Hivondrona ao i Ziona ny Olomasina, ary ireo izay mahafoy

ny ainy dia hahazo izany indray; 29–40, Voantso ireo rahalahy samihafa mba hanangana ny Tobin' i Ziona sy handeha any Ziona; ampanantenaina fandresena izy ireo raha mahatoky.

LAZAIKO aminareo marina Ltokoa ry sakaizako, indro, homeko anareo ny fanambarana

sy ny didy mba hahafantarana-reo ny "fomba hatao hanatontosana ny andraikitrareo momba ny famonjena sy ny ^bfanavotana ny rahalahinareo izay efa nahahaka ao an-tanin' i Ziona;

2 Rehefa "norohina sy noka-pohin' ny tanan' ny fahavaloko izay eo aminy no haidiko ny fisafoako tsisy fetra amin' ny fotoako.

3 Fa efa niaretako izy ireo hatri-zao mba hahazoany "mameno ny fatran' ny helony, mba hahatonga ny kapoakany ho feno;

4 Ary mba ho azo "faizina amin' ny famaizana mivaivay sy maharary ary mandritra ny fotoana fohy ireo izay mampitondra ny tenany ny anarako, noho izy ireo tsy ^bnihaino tanteraka ny fitsipika sy ny didy izay nomeko azy ireo.

5 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa efa navoakako ny didim-pitondrana izay ho efan' ny vahoakako, raha toa izy hatramin' izao ora izao ka mihaino ny "torohevitra izay homeko Izaho Tompo Andriamaniny azy.

6 Indro hanomboka handresy ny fahavaloko izy hatramin' izao ora izao, satria Izaho no efa nandidy izany.

7 Ary amin' ny "fiezahana hitandrina ny teny rehetra izay hoteneniko Izaho Tompo Andriamaniny aminy, dia tsy hitsahatra na oviana na oviana ny

handresy izy ambara-pahatongan' ireo ^bfanjakana eo amin' izao tontolo izao ho eo ambanin' ny tongotro ary ny tany ^ahomena ny ^colomasina izay ^fhizaka izany mandrakizay mandrakizay.

8 Nefa raha toa ka tsy "mitandrana ny didiko izy ary tsy miezaka ny hitandrana ny teniko rehetra, dia handresy azy ny fanjakana eo amin' izao tontolo izao.

9 Fa napetraka ho "fahazavana ho an' izao tontolo izao izy ary ho mpamonjy ny olona;

10 Ary raha toa ka tsy mpamonjy ny olona izy dia tahaka ny "sira izay tonga matsatso, koa tsy tsara na amin' inona na amin' inona intsony izy fa hariana any ivelany ka hohitsahin' ny olona.

11 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa, efa notapahiko fa ireo rahalahinareo izay efa nahahaka dia hiverina amin' ny "tany lovan' ary hanarina ireo toerana rava ao Ziona.

12 Fa aorian' ny "fahoriana be, araka izay efa nolazaiko anareo tany aloha, dia avy ny fitahiana.

13 Indro, izao no fitahiana izay efa nampanantenaiko aorian' ny fahorianareo sy ny fahorian' ny rahalahinareo — ny fanavotana anareo sy ny fanavotana ny rahalahinareo, dia ny fampodiana azy eo an-tanin' i Ziona, mba haorina ka tsy haongana intsony.

103 1a F&F 43:8.

b F&F 101:43-62.

2a F&F 101:1; 109:47.

3a Almà 14:10-11; 60:13.

4a F&F 95:1.

TSM Famaizana.

b F&F 101:2; 105:2-6.

5a TSM Torohevitra.

7a F&F 35:24.

TSM Mankatò.

b Dan. 2:44.

d Dan. 7:27.

e TSM Olomasina.

f F&F 38:20.

8a Môsià 1:13; F&F 82:10.

9a 1 Ne. 21:6.

10a Mat. 5:13-16;

F&F 101:39-40.

11a F&F 101:18.

12a Fan. 7:13-14;

F&F 58:4; 112:13.

14 Kanefa raha mandoto ny lovany izy dia haongana; fa tsy hitsitsy azy Aho raha mandoto ny lovany izy.

15 Indro, lazaiko aminareo fa tsy maintsy ilaina ho tonga amin- kery ny fanavotana an' i Ziona;

16 Ka hatsangako ho an' ny oloko ny lehilahy iray izay hitarika azy tahaka ny nitarihan' i "Mosesy ny zanak' i Isiraely.

17 Fa ianareo no zanak' i Isiraely sy avy amin' ny "taranak' i Abrahama, ary tsy maintsy ilaina ny hitarihina anareo amin- kery sy amin' ny sandry mihin- jitra hiala amin' ny fatorana.

18 Ary tahaka ny nitarihina ny razanareo tany am-piando- hana, dia ho tahaka izany koa ny fanavotana an' i Ziona.

19 Koa aoka tsy ho ketraka ny fonareo, satria Izaho tsy milaza aminareo toy izay nola- zaiko tamin' ny razanareo hoe: Ny "anjeliko no handeha hia- katra eo alohanareo fa tsy ny ^btenako.

20 Fa hoy Aho aminareo: Ny "anjeliko no handeha hiakatra eo alohanareo, mbamin' ny tenako koa, ary amin' ny fotoa- na dia ^bhizaka ny tany tsara ianareo.

21 Lazaiko aminareo marina dia marina, fa i Joseph Smith zanany mpanompoko no ilay "lehilahy izay ohariko amin' ilay

mpanompo izay nitenenan' ny Tompon' ny ^btanimboaloboka ao amin' ny fanoharana izay nomeko anareo.

22 Koa aoka i Joseph Smith zanany mpanompoko hilaza amin' ny "tanjaky ny tranoko, ny zatovolahiko sy ny lehilahy vory taona hoe—Miaraha iana- reo ka mivondrona eo an-tanin' i Ziona, eo amin' ny tany izay novidiko tamim-bola izay efa natokana ho Ahy.

23 Ary aoka ny fiangonana re- hetra handefa lehilahy hendry miaraka amin' ny volany ary "hividy tany araka izay nandi- diako azy ireo.

24 Ary raha tamy mamatrava- tra aminareo ny fahavaloko mba handroaka anareo hiala amin' ny "tany tsarako izay efa nato- kako ho tanin' i Ziona, dia ny taninareo ihany, aorian' ireo tenivavolombelona izay efa nen- tinareo teo anoloako hiampan- gana azy, dia hozoninareo izy;

25 Ary na zovy na zovy no ozoninareo dia hozoniko, ary hovalianareo amin' ny fahava- loko Aho.

26 Ary homba anareo ny tena- ko, amin' ny "famaliana Ahy amin' ny fahavaloko hatrany amin' ny zafiafy sy ny zafindo- haliko ireo izay mankahala Ahy.

27 Aoka tsy hisy olona hataho- tra ny hamoy ny ainy noho ny Amiko; fa na zovy na zovy no

16a Eks. 3:2-10;
F&F 107:91-92.
TSM Mosesy.

17a TSM Abrahama—Ny taranak' i Abrahama; Fanekepiahavanan' i Abrahama.

19a TSM Anjely.

b F&F 84:18-24.

20a Eks. 14:19-20.

b F&F 100:13.

21a F&F 101:55-58.

b TSM Tanimbolin' ny Tompo.

22a F&F 35:13-14; 105:16, 29-30.

23a F&F 42:35-36; 57:5-7; 58:49-51; 101:68-74.

24a F&F 29:7-8; 45:64-66; 57:1-2.

26a F&F 97:22.

“mamoy ny ainy noho ny Amiko dia hahita izany indray.

28 Ary na zovy na zovy no tsy vonona ny hamoy ny ainy noho ny Amiko dia tsy mpianatro.

29 Ny sitrapoko dia ny hanandratan’ i “Sidney Rigdon mpianompoko ny feony any amin’ ireo fiangonana amin’ ny tany atsinanana, ho fanomanana ireo fiangonana hitandrina ny didy izay nomeko azy momba ny famerenana indray sy ny fanavotana an’ i Ziona.

30 Ny sitrapoko dia ny tsy hiverenan’ i Parley P. Pratt mpanompoko sy i Lyman Wight mpanompoko any amin’ ny tanin’ ny rahalahiny raha tsy efa nahazo namana mba handeha hiakatra any an-tanin’ i Ziona, manao andiany folo, na andiany roapolo, na andiany dimampolo, na andiany zato, mandra-pahazoany ny isa dimanjato ^btanjaky ny tranoko.

31 Indro izany no sitrako; mangataha dia handray ianareo; nefa “tsy manao ny sitrapoko mandrakariva ny olona.

32 Koa raha tsy mety mahazo dimanjato ianareo, dia mitadiafa fatratra fa angamba mba mety hahazo telonjato ianareo.

33 Ary raha tsy mety mahazo telonjato ianareo, dia mitadiafa fatratra fa angamba mba mety mahazo zato ianareo.

34 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa, didy no omeko anareo tsy handehananareo miaka-

tra any an- tanin’ i Ziona raha tsy azonareo ny zato tanjaky ny tranoko handeha hiara-hiakatra aminareo any an-tanin’ i Ziona.

35 Koa, araka izay nolazaiko taminareo, mangataha dia handray ianareo; mivavaha amin-kafanam-po fa angamba mety handeha hiaraka aminareo i Joseph Smith zanany mpanompoko ka hiahy eo afovoan’ ny vahoakako ary hanangana ny fanjakako eo amin’ ny tany “voatokana sy hampiorina ny zanak’ i Ziona araka ny lalàna sy ny didy izay efa nisy sy izay homena ho anareo.

36 Ny fandresena sy ny voninahitra rehetra dia ho tanteraka aminareo amin’ ny alalan’ ny “fahazotoanareo, ny fahatokianareo ary ny ^bvavaka amin’ ny finoana.

37 Aoka i Parley P. Pratt mpanompoko handeha hiaraka amin’ i Joseph Smith zanako mpanompoko.

38 Aoka i Lyman Wight mpanompoko handeha hiaraka amin’ i Sidney Rigdon mpanompoko.

39 Aoka i Hyrum Smith mpanompoko handeha hiaraka amin’ i Frederick G. Williams mpanompoko.

40 Aoka i Orson Hyde mpanompoko handeha hiaraka amin’ i Orson Pratt mpanompoko na aiza na aiza hanoroan’ i Joseph Smith zanany mpanompoko azy ireo haleha, mba

27a Mat. 10:39;
Lio. 9:24;
F&F 98:13–15; 124:54.
29a TSM Rigdon, Sidney.

30a TSM Pratt, Parley
Parker.
b F&F 101:55.
31a F&F 82:10.

35a F&F 84:31.
36a TSM Fahazotoana.
b F&F 104:79–82.

hahatonga ny fahatontosan' ireo didy izay efa nomeko anareo,

ary avelao ny sisa ho eo an-tanako. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 104

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany ny 23 Aprily 1834, momba ny lamina miray na ny lamin' ny Fiangonana ho tombontsoan'ny mahantra (History of The Church, 2:54-60). Fivorian' ny filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ireo mpisorona avo hafa io fotoana io, izay nandinihina ny filana mahatery ny olona eo amin' ny fiainana. Tokony hofaoanana mandritra ny fotoana fohy ary hatsangana indray ny lamina miray tao Kirtland, ary tokony hozaraina ho fitantan-draharaha amin' ny mpikambana ao aminy ireo fananana.

1-10, Ho voaozona ny Olomasina izay mandika ny lalàn' ny lamina miray; 11-16, Mamatsy ny Olomasiny araka ny fombany ny Tompo; 17-18, Mifehy ny fikarakarana ny mahantra ny lalàn' ny filazantsara; 19-46, Fanendrena ny fitantanandraharaha sy ny fitahiana ho an' ireo rahalahy samihafa; 47-53, Tokony hisaraka ny fiasan' ny lamina miray ao Kirtland sy ny lamina ao i Ziona; 54-66, Atao ho fanontana ny soratra masina ny tahiry masin' ny Tompo; 67-77, Ny tahiry ankapoben' ny lamina miray dia hampiasaina araka ny faneken' ny rehetra; 78-86, Ireo izay ao amin' ny lamina miray dia tokony handoa ny trosany rehetra, ary ny Tompo no hanafaka azy ireo amin' ny famatorana ara-bola.

LAZAIKO aminareo marina tokoa ry sakaizako, omeko anareo ny torohevitra sy ny didy momba ny fananana rehetra izay an' ny lamina izay nodidiako hatsangana sy haorinam-ba ho lamina “miray sy ho

lamina maharitra mandrakizay ho tombontsoan'ny fiangonako sy ho famonjena ny olona mandra-piaviko—

2 Omban' ny fampanantenana tsy miova sady tsy mivaona, fa raha toa ka mahatoky ireo izay nodidiako, dia hotahina amin' ny hamaroan' ny fitahiana izy ireo;

3 Fa raha tsy mahatoky izy ireo dia efa akaikin' ny ozona.

4 Koa satria tsy mitandrana ny didy ny sasany amin' ny mpanompoko fa efa nandrava ny fanekempihavanana, noho ny “fimatimatesan-karena sy ny teny mamitaka, dia efa nozoniko tamin' ny ozona mivaivay sy maharary.

5 Fa Izaho Tompo dia efa nana-paka tao am-poko fa raha misy olona ao anatin' ny lamina, izay ho hita ho mpandika lalàna, na amin' ny teny hafa, handrava ny fanekempihavanana izay amatorana anareo, dia ho voaozona izy amin' ny fiainany ary hohosen' izay sitrako;

6 Fa Izaho Tompo dia tsy azo "vazivazina amin' ireny zavatra ireny —

7 Ary izany rehetra izany dia ny mba tsy hahazoana manameloka miaraka amin' ny tsy marina ny tsy manan-tsiny eo anivonareo; ka ny meloka eo anivonareo dia tsy ho afa-miala satria Izaho Tompo dia efa nampanantena anareo ny "satroboninahitry ny voninahitra eo an-tanana ankavanako.

8 Koa raha hita ho mpandika lalàna ianareo dia tsy afa-miala amin' ny fisafoako eo amin' ny fiainanareo.

9 Raha "sarahina hiala ianareo, noho ny fandikan-dalana, dia tsy afaka ny hiala amin' ny ^bfampijalian' i "Satana mandra-pahatongan' ny andro fanavotana.

10 Ary ankehitriny dia omeko anareo ny hery hatramin' izao ora izao, fa raha misy olona eo anivonareo, ao anatin' ny lamina, ka hita ho mpamadika lalàna ary tsy mibebaka amin' ny ratsy, dia hatolotrareo ho amin' ny fampijalian' i Satana izy; ary tsy hanan-kery "hitondrana ny ratsy eo aminareo izy.

11 Fahendrena ato amiko izany; koa didy iray no omeko anareo, dia ny hifandaminanareo sy ny hanendrenareo ny

olona tsirairay ho amin' ny "fitantanana-draharahany;

12 Ka ny olona tsirairay dia ho afaka hanome Ah'y tatitra momba ny fitantanana-draharaha izay voatendry ho azy.

13 Fa ilaina ny hitanako Izaho Tompo ny olona tsirairay ho "tompon' andraikitra, ho ^bmpitantana ny fitahiana avy amin' ny tany, izay efa nataoko sy nomaniko ho an' ny voariko.

14 Izaho Tompo no namelatra ny lanitra sy "nanorina ny tany, izay tena ^basan' ny tanako; ary ny zavatra rehetra eo aminy dia Ah'y.

15 Ary ny tanjoko dia ny hamatsy ny olomasiko, satria ny zavatra rehetra dia Ah'y.

16 Saingy tsy maintsy ilaina ny hanaovana izany araka ny "fombako; ary indro, izao no fomba izay efa notapahiko Izaho Tompo, hamatsiana ny olomasiko, fa hasandratra ny ^bmahantra amin' ny fanetrena ny manan-karena.

17 Fa feno ny "tany ary manana ny ampy sy ny hotehirizina aza; eny, nomaniko ny zavadrehetra ary efa nomeko ny zanak' olombelona ny ^bhisafidy ho an' ny tenany.

18 Koa raha misy olona maka amin' ny "habetsahana izay efa nataoko ary tsy manome amin'

6a Gal. 6:7-9.

7a Isa. 62:3; F&F 76:56.

TSM Voninahitra.

9a TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

b F&F 82:21.

d TSM Devoly.

10a F&F 109:25-27.

11a F&F 42:32.

TSM Fitantanana-draharaha.

13a TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

b F&F 72:3-5, 16-22.

14a Isa. 42:5; 45:12.

TSM Fahariana.

b Sal. 19:1; 24:1.

16a F&F 105:5.

TSM Asa Fanasoavana.

b 1 Sam. 2:7-8;

Lio. 1:51-53;

F&F 88:17.

17a F&F 59:16-20.

TSM Tany.

b TSM Safidy.

18a Lio. 3:11;

Jakoba 2:15-16.

ny anjarany, araka ny ^blalàn' ny filazantsarako, ho an' ny ^amahantra sy ny sahirana, dia hандратра ny masonry ao amin' ny ^ehelo miaraka amin' ny olondratsy izy, ao amin' ny fijaliana.

19 Ary ankehitriny, dia lazaiko aminareo marina tokoa, momba ireo fananan' ny ^alamina—

20 Aoka i Sidney Rigdon mpanompoko hampanendry ho azy ho fitantanan-draharahany ny toerana izay onenany ankehitriny, sy ny sombin-tanin' ny orinasa fandoman-koditra ho fivelomany, raha mbola miasa ao amin' ny tanimboaloboko izy, dia araka izay sitrako rehefa handidy azy Aho.

21 Ary aoka ny zava-drehetra hatao araka ny torohevitra ny lamina sy ny faneken' ny daholobe na ny feon' ny lamina izay mitoetra eo amin' ny tanin' i Kirtland.

22 Ary izay fitantanan-draharaha sy fitahiana izay no atolo-tro Izaho Tompo an' i Sidney Rigdon mpanompoko ho fitahiana azy sy ny taranany fara aman-dimby;

23 Ary hohamaroiko ny fitahiana azy, raha toa izy hietry eo anoloako.

24 Ary ankoatra izany, dia aoka i Martin Harris mpanompoko hampanendry ho azy, ho fitantan-draharahany, ny sombin-tany izay azon' i John Johnson mpanompoko ho takalon' ny lovany taloha, ho azy sy ny taranany fara aman-dimby;

25 Ary raha mahatoky izy,

dia hohamaroiko ny fitahiana azy sy ny taranany fara aman-dimby.

26 Ary aoka i Martin Harris mpanompoko hanokana ny volany ho amin' ny fitoriana ny teniko, araka izay hitarihan' i Joseph Smith zanany mpanompoko azy.

27 Ary ankoatra izany, dia aoka i Frederick G. Williams mpanompoko hahazo ny toerana izay onenany ankehitriny.

28 Ary aoka i Oliver Cowdery mpanompoko hahazo ny sombin-tany mifanila amin' ny trano izay hatao trano printy, izay sombin-tany laharana voalohany, ary koa ny sombin-tany izay itoeran-drainy.

29 Ary aoka ny mpanompoko isany, i Frederick G. Williams sy i Oliver Cowdery hahazo ny trano printy sy ny zavatra rehetra momba azy.

30 Ary izany no fitantanan-draharahany izay hotendrena ho azy ireo.

31 Ary raha mahatoky izy, dia indro hotahina sy hohamaroiko ny fitahiana azy ireo.

32 Ary izany no fiandohan' ny fitantanan-draharaha izay efa nanendreko azy ireo ho azy ireo sy ny taranany fara aman-dimby.

33 Ary raha mahatoky izy ireo dia hohamaroiko ny fitahiana azy ireo sy ny taranany fara aman-dimby, dia amin' ny hamaroan' ireo fitahiana.

34 Ary ankoatra izany, dia aoka i John Johnson mpanom-

poko hahazo ny trano izay itoerany sy ny lova rehetra, afa-tsy ny tany izay efa natokana ho “fanorenana ireo tranoko, izay mikasika io lova io, ary ireo sombin-tany izay efa voatondro ho an’ i Oliver Cowdery mpanompoko.

35 Ary raha mahatoky izy dia hohamaroiko ny fitahiana azy.

36 Ary ny sitrapoko dia ny hivarotany ireo sombin-tany izay voafaritra ho fanorenana ny tanànan’ ny Olomasiko, araka izay hampahafantaran’ ny “feon’ ny Fanahy azy izany sy araka ny torohevitra ny lamina ary amin’ ny alalan’ ny feon’ ny lamina.

37 Ary izany no fiandohan’ ny fitantanan-draharaha izay efa notendreko ho azy, ho fitahiana azy sy ny taranany fara aman-dimby.

38 Ary raha mahatoky izy dia hohamaroiko ny hamaron’ ny fitahiana azy.

39 Ary ankoatra izany, dia aoka i Newel K. “Whitney mpanompoko hampanendry ho azy ny trano sy ny sombin-tany izay itoerany ankehitriny, ary ny sombin-tany sy ny trano izay ijoroan’ ny toeram-pivarotana, ary koa ny sombin-tany izay eo amin’ ny kihony atsimon’ ny toeram-pivarotana, ary koa ny sombin-tany izay misy ny fanaovana pôtasý.

40 Ary izany rehetra izany dia efa notendreko ho an’ i Newel K. Whitney mpanompoko ho fitantanan-draharahany, ho fi-

tahiana azy sy ny taranany fara aman-dimby, ho tombontsoan’ ny toeram-pivarotan’ ny lamiko izay efa natsangako ho an’ ny tsatòka ao an-tanin’ i Kirtland.

41 Eny, marina tokoa, izao no fitantanan-draharaha izay efa notendreko ho an’ i Newel K. Whitney mpanompoko, dia izao toeram-pivarotana iray manontolo izao, azy sy ny “mpandraharahany ary ny taranany fara aman-dimby.

42 Ary raha mahatoky izy amin’ ny fitandremana ny didy izay efa nomeko azy, dia hohamaroiko ny fitahiana azy sy ny taranany fara aman-dimby, amin’ ny hamaroan’ ireo fitahiana.

43 Ary ankoatra izany, dia aoka i Joseph Smith Zanany mpanompoko hampanendry ho azy ny sombin-tany izay voafaritra ho fanorenana ny tranoko, izay roanjato metatra ny lavany ary enimpolo metatra ny sakan’ ny koa ny lova izay itoeran-drainy ankehitriny;

44 Ary izany no fiandohan’ ny fitantanan-draharaha izay efa notendreko ho azy, ho fitahiana azy sy ny rainy.

45 Fa indro, efa nanokana lova ho an-“drainy Aho, ho fivelomany; koa izy dia horaisina ho isan’ ny ankohonan’ i Joseph Smith zanany mpanompoko.

46 Ary hohamaroiko ny fitahiana ny ankohonan’ i Joseph Smith zanany mpanompoko,

34a F&F 94:3, 10.

36a TSM Fanambarana.

39a TSM Whitney,

Newel K.

41a F&F 84:112–113.

45a F&F 90:20.

TSM Smith, Joseph,
rainy.

raha mahatoky izy, dia amin' ny hamaroan' ny fitahiana.

47 Ary ankehitriny dia didy iray no omeko anareo momba an' i Ziona, dia ny tsy hifamotoranareo intsony toy ny lamina miray amin' ny rahalahinareo ao i Ziona, afa-tsy amin' izao fomba izao—

48 Aorian' ny fifandaminanareo, dia hatao hoe ny Lamina Miray an' ny "Tsatòkan' i Ziona, Tanànan' i Kirtland, ianareo. Ary aorian' ny fifandaminan' ny rahalahinareo, dia hatao hoe ny Lamina Miray an' ny Tanànan' i Ziona izy ireo.

49 Ary haorina amin' ireo anarany sy amin' ny anarany izy ireo; ary hanao ny asany amin' ny anarany sy amin' ireo anarany izy ireo;

50 Ary hanao ny asanareo amin' ny anaranareo sy amin' ireo anaranareo ianareo.

51 Ary izany no efa nodidiko mba hatao ho famonjena anareo, ary koa ho famonjena azy ireo, ho setrin' ny "nandroahana azy ireo sy izay ho avy.

52 Rehefa noravana tamin' ny fandikan-dalàna sy ny "fimatimatesan-karena ary ny teny mamitaka ny ^bfanekepiahavanana—

53 Koa mitsahatra ny lamina miray iarahanareo amin' ny rahalahinareo, ka tsy mifamatotra aminy intsony ianareo hatramin' izao ora izao, raha tsy

amin' izao fomba izao, toy izay nolazaiko, amin' ny alalan' ny fampindramana araka izay hoeken' ity lamina ity amin' ny filankevitra, araka izay hame-lan' ny fisehoan-javatra anareo sy izay hitarihan' ny feon' ny filankevitra.

54 Ary ankoatra izany, dia didy no omeko anareo momba ny fitantanan-draharahanareo izay efa nanendreko anareo.

55 Indro, ireo fananana rehetra ireo dia Ahy, fa raha tsy izany dia foana ny finoanareo ary hita ho mpihatsaravelatsihy ianareo, ary ny fanekepiahavanana nataonareo tamiko dia rava;

56 Ary raha Ahy ny fananana, dia "mpitantana ianareo; fa raha tsy izany dia tsy mpitantana ianareo.

57 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa, efa notendreko ianareo ho mpitantana ny tranoko, dia mpitantana marina tokoa.

58 Ary izao tanjona izao no efa nandidiako anareo hifandaminanareo dia ny hanota printy ny "teniko, ny fahafenoan' ny soratra masina, ireo fanambarana izay efa nomeko anareo ary izay homeko anareo ombieny ombieny rahatrizay—

59 Mba ho fanorenana ny fian-gonako sy ny fanjakako eto an-tany ary mba hanomana ny oloko ho amin' ny "fotoana izay hiarahako ^bmitoetra aminy, izay efa antomotra sahady.

48a F&F 82:13; 94:1;
109:59.

TSM Tsatòka.

51a F&F 109:47.

52a TSM Mitsiriritra.

^b TSM Fanekepiahavanana.

56a TSM Fitantanan-draharaha.

58a TSM Dikantenin' i

Joseph Smith (DJS).

59a TSM Arivotaona.

^b F&F 1:35–36; 29:9–11.

60 Ary hanomana toerana ho tahirim-bola ho anareo ianareo ary hanokana izany amin' ny anarako.

61 Ary hanendry anankiray eo anivonareo ianareo mba hihakarakara ny tahirim-bola, ary hatokana ho amin' izany fitahiana izany izy.

62 Ary hisy tombo-kase amin' ny tahirim-bola ary ny zava-masina rehetra dia hatolotra ho an' ny tahirim-bola; ary tsy hisy olona eo anivonareo hilaza izany, na izay mety ho ampahany amin' izany ho fananany, fa izany dia ho fananana hiarahanareo rehetra manana.

63 Ary omeko anareo izany hatramin' izao ora izao; ary ankehitriny, dia ezaho ny handeha sy hampiasa ny fitantanandraharaha izay efa nanendreko anareo, afa-tsy ireo zava-masina, mba ho fanontana ireo zava-masina ireo toy izay efa nolazaiko.

64 Ary ny "saran' ny zava-masina dia hotantanana ao amin' ny tahirim-bola ary hisy tombo-kase eo amin' izany; ary tsy hisy olona hampiasa na hanaisotra izany ao amin' ny tahirim-bola, ary ny tombo-kase izay hape-traka amin' izany dia tsy halana raha tsy noho ny feon' ny lami-na na noho ny didy.

65 Ary dia toy izany no hitehizanareo ny saran' ny zava-masina ao amin' ny tahirim-bola ho amin' ny tanjona manan-kaja sady masina.

66 Ary izany dia hatao hoe ny

tahirim-bola masin' ny Tompo; ary hasiana kase izany mba hatonga izany ho masina sy ho voatokana ho an' ny Tompo.

67 Ary ankoatra izany, dia hisy tahirim-bola iray hafa homanina sy mpitahiry vola hotendrena, mba hitandrina ny tahirim-bola ary hopetahina tombo-kase izany;

68 Ary ny vola rehetra izay raisinareo amin' ny alalan' ny fitantanandraharahanareo, amin' ny fanatsarana ny fananana izay notendreko ho anareo, amin' ny trano na amin' ny tany na amin' ny biby fiompy, na amin' ny zava-drehetra, afa-tsy ireo soratra masina sady manan-kaja izay efa natokako ho an' ny tenako ho amin' ny tanjona masina sady manan-kaja, dia hape-trakareo ao amin' ny tahirim-bola, raha vantany vao raisinareo, ny vola madinika tsinjaraina ho zato, na dimampolo, na roapolo, na folo, na dimy.

69 Na amin' ny teny hafa, raha misy olona eo anivonareo mahazo dimy dôlara, dia aoka izy hametraka izany ao amin' ny tahirim-bola; na raha mahazo folo, na roapolo, na dimampolo, na zato izy dia aoka hanao toy izany koa;

70 Ary aoka tsy hisy aminareo hilaza fa azy izany; satria tsy hatao hoe azy izany na ny ampahany amin' izany.

71 Ary tsy hisy ampahany amin' izany hampiasaina na hoesorina ao amin' ny tahirim-bola raha tsy amin' ny alalan'

ny feo sy ny faneken' ny rehetra ao amin' ny lamina.

72 Ary izao no ho feo sy ho faneken' ny rehetra ao amin' ny lamina — fa raha misy olona eo aminareo milaza amin' ny mpi-tahiry vola hoe: Mila izao aho hoenti-manampy ahy amin' ny fitantanan-draharahako —

73 Na ho dimy dôlara izany na ho folo dôlara izany, na ho roapolo na ho dimampolo na ho zato, dia homen' ny mpitahiry vola ny vola izay takiany hoenti-manampy azy amin' ny fitantanan-draharahany —

74 Ambara-pahitana fa mpan-dika lalàna izy ary miharihary tsotra izao eo anoloan' ny filankevitry ny lamina fa mpitantana sady tsy mahatoky no “tsy hendry izy.

75 Fa raha mbola mizaka ny zo maha-mpikambana feno azy izy ary mahatoky sy hendry amin' ny fitantanan-draharahany, izany dia ho famantarana ho amin' ny mpitahiry vola mba tsy handavany azy.

76 Fa raha misy ny fandikan-dalàna, dia hanoa ny filankevitra sy ny feon' ny lamina ny mpitahiry vola.

77 Ary raha ny mpitahiry vola kosa no hita ho mpitantana tsy mahatoky sady tsy hendry, dia ho eo ambany fifehezan' ny filankevitra sy ny feon' ny lamina izy ka hoesorina amin' ny toerany, ary hotendrena ny “iray hafa ho eo amin' ny toerany.

78 Ary ankoatra izany, dia la-zaiko aminareo marina tokoa, momba ny trosanareo — indro ny sitrapoko dia ny “handoav-^aanareo ny ^btrosanareo rehetra.

79 Ary ny sitrapoko dia ny “hanetrenareo ny tenanareo eo anoloako ary hahazoanareo izany fitahiana izany amin' ny ^bfahazotoanareo sy ny fanetren-tenanareo ary ny fivavaky ny finoana.

80 Ary raha mazoto sy manetry tena ianareo ary mampi-hatra ny “fivavaky ny finoana, dia indro, Izaho hanalefaka ny fon' ireo izay itrosanareo mandram-pandefasako loharanom-bola ho anareo ho fanafahana anareo.

81 Koa manorata faingana ho any New York ary manorata araka izay hotononin' ny “Fana-hiko; dia hanalefaka ny fon' ireo izay itrosanareo Aho ka hoesorina ao an-tsainy ny hampitondra fahoriana anareo.

82 Ary raha “mietry sy mahatoky ianareo ary miantso ny anarako, dia indro, Izaho hano-me anareo ny ^bfandresena.

83 Omeko anareo ny fampantanenana fa hafahana amin' ny fatoranareo amin' izao indray mandeha izao ianareo.

84 Raha misy hevitra ny hisam-boranareo vola an-jatony na an' arivony ambara-pahampy izay hosamborinareo ka hanafaka ny tenanareo amin' ny fatorana, dia zonareo izany.

85 Ary ataovy antoka amin'

74a Lio. 16:1–12.

77a F&F 107:99–100.

78a F&F 42:54.

^b TSM Trosa.

79a TSM Fanetren-tena.

^b TSM Fahazotoana.

80a Jakoba 5:15.

81a TSM Fanahy Masina.

82a Lio. 14:11;

F&F 67:10.

^b F&F 103:36.

izao indray mandeha izao ireo fananana izay efa napetrako teo an-tananareo, amin' ny fanomezana ny anaranareo, amin' ny faneken' ny rehetra na amin' ny fomba hafa, araka izay heverinareo ho tsara.

86 Omeko anareo amin' izao indray mandeha izao izany zo

izany; ary indro, raha miroso amin' ny fanaovana ny zavatra izay efa napetrako teo anoloanareo ianareo, araka ny didiko, ahy avokoa ireo zavatra ireo ary ianareo dia mpitantako, ary tsy havelan' ny tompo hotamina ny tranony. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 105

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany teo amin' ny Renirano Fishing, Missouri, ny 22 Jona 1834 (History of The Church, 2:108–111). Nitombo ny herisetra namelezan' ny mpihetrake-traka ny Olomasina tao Missouri, ary ireo vondron' olona tafatsangana avy amin' ny fivondronana maro dia efa nilaza ny fikasany hamongotra ny vahoaka. Tonga avy any Kirtland ny Mpaminany nitarika andiany fantatra amin' ny hoe Tobin' i Ziona nitondra fitafiana sy vatsy. Raha mbola nilasy teo amin' ny Renirano Fishing ity andiany ity, dia nandray ny fanambarana ny Mpaminany.

1–5, Ziona dia haorina amin' ny fanarahana ny lalàna selestialy; 6–13, Ahemotra mandritra ny fotoana fohy ny fanavotana an' i Ziona; 14–19, Ny Tompo no hiady ny adin' i Ziona; 20–26, Tokony ho hendry ka tsy hirehareha ny amin' ny asa mahagaga ny Olomasina rehefa mivory; 27–30, Tokony hovidina ny tany ao Jackson sy amin' ireo fivondronana manodidina; 31–34, Ireo loholona dia tokony handray ny fanafiana masina ao an-tranon' ny Tompo ao Kirtland; 35–37, Ireo Olomasina izay sady voantso no voafidy dia hohamasi-nina; 38–41, Tokony hanangana ny fanevan' ny fandriampahalemana ho amin' izao tontolo izao ny Olomasina.

LAZAIKO marina tokoa aminareo izay efa niara-tafavorry, mba hahazoanareo mianatra ny sitrapoko momba ny “fanavotana ny vahoakako mijaly — 2 Indro, Izaho milaza aminareo fa raha tsy teo ny “fandikan-dalàn' ny vahoakako, ny momba ny fiangonana no teneniko fa tsy ny olona tsirairay, dia mety ho efa navotana izy ireo na dia ankehitriny aza.

3 Nefa indro, tsy nianatra ny ho mpankatò amin' ny zavatra izay notakiako teo an-tanany izy ireo fa feno faharatsiana isankarazany ary tsy “mizara amin' ny fananany ho an' ny mahantra sy ny mijaly eo anivony, araka izay mendrika ny olomasina;

4 Ary tsy “miray hina araka ny firaisan-kina takin’ ny lalàn’ ny fanjakana selestialy;

5 Ary i “Ziona dia tsy azo aorina ^braha tsy amin’ ny alalan’ ny fitsipiky ny ^alalàn’ ny fanjakana selestialy, raha tsy izany dia tsy afaka ny handray azy ao Amiko Aho.

6 Ary tsy maintsy ilaina ny “hamaizana ny vahoakako ambara-pianarany ^bfankatoavana, amin’ ny alalan’ ny zavatra izay iaretany, raha ilaina izany.

7 Tsy teneniko ny momba ireo izay voatendry hitarika ny vahoakako, izay loholona “voalohany ao amin’ ny fiangonako, satria tsy eo ambanin’ ity fanamelohana ity avokoa izy ireo;

8 Fa ny momba ny fiangonako any ivelany no teneniko—misy maro no hilaza hoe: Aiza ny Andriamaniny? Indro Izy no hanafaka azy ireo amin’ ny fotoam-pahasahiranana, fa raha tsy izany dia tsy handeha hiakatra any i Ziona isika fa hitahiry ny volantsika.

9 Koa ho setrin’ ny “fandikan-dalàn’ ny vahoakako, dia ilaina Amiko ny tokony hiandrasan’ ireo loholoko mandritra ny fotoana fohy ny fanavotana an’ i Ziona—

10 Mba hahazoan’ izy ireo miomana sy mba hahazoana mampianatra ny vahoakako tsa-

ratsara kokoa, ka hananany ny fahaiza-manao sy hahafantaran’ ny tsaratsara kokoa ny “adidiny mbamin’ ireo zavatra izay takiaiko eo an-tanany.

11 Ary izany dia tsy azo tante-rahina raha tsy “voatafy hery avy any ambony ny ^bloholoko.

12 Fa indro, efa nomaniko ny fanafiana masina lehibe sy ny fitahiana lehibe “harotsaka eo amin’ izy ireo, raha toa izy ireo ka mahatoky sy mitozo amin’ ny fanetren-tena eo anoloako.

13 Koa ilaina Amiko ny tokony hiandrasan’ ireo loholoko mandritra ny fotoana fohy ny fanavotana an’ i Ziona.

14 Fa indro, tsy takiaiko eo an-tanany ny hiady ny adin’ i Ziona; fa araka izay nolazaiko tamin’ ny didy teo aloha, dia izay no hotanterahiko—Izaho no “hiady ny adinareo.

15 Indro, ny “mpandringana dia efa nirahiko handringana sy handrava ny fahavaloko; ary ao anatin’ ny taona vitsy dia tsy hisy havela hiangana izy ireo mba handoto ny lovako sy ^bhanevateva ny anarako eo amin’ ny tany izay efa “natokako ho fanangonako ny olomasiko.

16 Indro, efa nandidy an’ i Joseph Smith zanany mpanompoko Aho hilaza amin’ ny “tanjaky ny tranoko, dia ny mpiatafiko, ny zatovolahiko ary

4a F&F 78:3–7.

5a TSM Ziona.

b F&F 104:15–16.

d F&F 88:22.

6a F&F 95:1–2.

TSM Famaizana.

b TSM Mankatò.

7a F&F 20:2–3.

9a F&F 103:4.

10a TSM Adidy.

11a F&F 38:32; 95:8.

TSM Fanafiana
Masina.

b TSM Loholona.

12a F&F 110.

14a Jos. 10:12–14;

Isa. 49:25;

F&F 98:37.

15a F&F 1:13–14.

b F&F 112:24–26.

TSM Manevateva.

d F&F 84:3–4; 103:35.

16a F&F 101:55; 103:22, 30.

ny oloko vory taona mba hiarahivondrona ho fanavotana ny vahoakako, ary handrodana ny tilikambon' ny fahavaloko sy hanaparitaka ny ^bmpitiliny;

17 Saingy tsy nihaino ny teniko ny tanjaky ny tranoko.

18 Nefa raha misy izay efa nihaino ny teniko, dia efa nomaniko ny fitahiana sy ny ^afanafiana masina ho azy ireo, raha mijanona ho mahatoky izy ireo.

19 Efa nandre ny fivavany Aho ary hanaiky ny fanatiny; ary ilaina Amiko ny hitondrana azy ireo hatreto ho fizahan-toetra ny ^afinoany.

20 Ary ankehitriny dia lazaiako aminareo marina tokoa, didy no omeko anareo, fa izay rehetra efa tafakatra hatreto ka afaka mijanona eny amin' ny faritra manodidina, dia aoka izy hijanona;

21 Ary ireo izay tsy afaka mijanona, izay manana fianakaviana any atsinanana, dia aoka izy ireo hijanona mandritra ny fotoana fohy araka izay hatoron' i Joseph Smith mpanompoko azy ireo;

22 Fa hotooroako hevitra momba ity raharaha ity izy ary rehefa mety ho zavatra ka hatorony azy ireo dia ho tanteraka.

23 Ary aoka ny vahoakako rehetra izay monina eo amin' ireo faritra manodidina ho tena mahatoky sy hahery hivavaka ary hietry eo anoloako ka tsy hanambara ny zavatra izay efa

nambarako azy, raha tsy efa fahendrena ato amiko ny tokony hanambarana azy ireny.

24 Aza miresaka ny amin' ny famaliana na ^amirehareha ny amin' ny finoana na ny amin' ny asa mahagaga, fa kajio fatratra ny fiarahanareo mivondrona, ho amin' ny faritra iray ihany raha mbola azo atao, araka izay mifanaraka amin' ny fahatsapan' ny vahoaka;

25 Ary indro Izaho hampahita sitraka sy fitia anareo eo imasony, mba hahazo ^ahandry fahalemana sy amim-pilaminana ianareo rehefa milaza amin' ny mponina hoe: Ampiharo aminay ny lalàna sy ny fitsarana ary ny fahamarinana, ary onero amin' ny tsy rariny izahay.

26 Ankehitriny indro, lazaiko aminareo sakaizako, amin' izany fomba izany no mety hahitanareo sitraka eo imason' ny mponina ambara-pahatongan' ny ^amiaramilan' ny Isiraely ho tena lehibe.

27 Ary Izaho hanalefaka ombieny ombieny ny fon' ny mponina, toy ny nataoko tamin' ny fon' i ^aFarao, ambara-pahatongan' i Joseph Smith zanany mpanompoko sy ireo loholoko izay notendreko hanana fotoana hamondronana ny tanjaky ny tranoko,

28 Ary hampaniraka lehilahy ^ahendry hanatanteraka izay efa nandidiako momba ny ^bfi-vidianana ny tany rehetra ao

16b TSM Mpiambina.

18a F&F 110:8-10.

19a TSM Finoana.

24a F&F 84:73.

TSM Fiavonavonana.

25a TSM Fiadanana.

26a Joe. 2:11.

27a Gen. 47:1-12.

28a F&F 101:73.

b F&F 42:35-36.

amin' ny fivondronan' i Jackson, izay azo vidiana, ary eny amin' ireo fivondronana akaiky sady manodidina.

29 Fa ny sitrapoko dia ny hivi-dianana ireny tany ireny; ary rehefa voavidy ireny, dia ny hizakan' ny olomasiko azy ireny araka ny lalàn' ny "fanokanana fananana izay efa nomeko.

30 Ary rehefa voavidy ireny tany ireny, dia hoheveriko ho tsisy tsiny ny "miaramilan' ny Isiraely amin' ny fandraisana ny fizakana ny taniny ihany izay efa novidiny tamim-bola teo aloha, sy amin' ny fandrodanana ny tilikambon' ny fahavaloko izay mety ho eo amboniny, ary amin' ny fanaparitahana ny mpitiliny sy ny ^bfamaliana Ahy amin' ny fahavaloko hatrany amin' ny zafiafiny sy ny zafindohalik' ireo izay mankahala Ahy.

31 Nefa aoka aloha ny miaramilako hanjary ho tena lehibe, ary aoka izy "hohamasinina eo anoloako mba hahatonga azy ho tsara tarehy tahaka ny masoandro sy madio tahaka ny ^bvolana, ka mahatahotra ny fanevany ho an' ny firenena rehetra;

32 Mba ho voatery hiaiky ireo fanjakana eo amin' izao tontolo izao fa ny fanjakan' i Ziona no

tena "fanjakan' ny Andriamantsika sy ny Kristiny marina tokoa; koa aoka isika ^bhofehezina' ny lalàny.

33 Lazaiko aminareo marina tokoa, ilaina Amiko ny handraisana' ireo loholona voalohany ao amin' ny fiangonana ny "fanafiana masina avy any ambony ao amin' ny tranoko izay efa nodidiko haorina ho an' ny anarako ao an-tanin' i Kirtland.

34 Ary aoka ireo didy izay efa nomeko momba an' i Ziona ireo sy ny "lalàny, hampiharina sy hotanterahina aorian' ny fanaivotana azy.

35 Efa nisy ny androm-^apian-tsoana, saingy tonga ny androm-pifidianana; ary aoka hofidina ireo izay ^bmendrika.

36 Ary hasehon' ny feon' ny Fanahy amin' ny mpanompoko ireo izay "voafidy; ary ^bhohamasinina izy ireo.

37 Ary raha toa izy ireo manaraka ny "torohevitra izay raisin' izy ireo, dia hanan-kery izy ireo rehefa afaka andro maromaro hahatontosa ny zava-drehetra mikasika an' i Ziona.

38 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, mamitràna fihavanana, tsy amin' ireo olona izay efa namely anareo ihany fa amin' ny olon-drehetra koa;

29a F&F 42:30.

TSM Manokana;
Lamina Miray.

30a F&F 35:13–14;

101:55; 103:22, 26.

b F&F 97:22.

31a TSM Fanamasinana.

b Ton. 6:10;

F&F 5:14; 109:73.

32a Fan. 11:15.

TSM Fanjakan'

Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.

b TSM Fitondram-
panjakana.

33a F&F 95:8–9.

TSM Fanafiana
Masina.

34a IE F&F 42 dia fantatra
amin' ny hoe ny

"Lalàna."

35a TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra.

b TSM Mendrika.

36a F&F 95:5.

TSM Voafidy.

b TSM Fanamasinana.

37a TSM Torohevitra.

39 Dia atsangano ny “fanevan’ ny ^bfandriampahalemana ary ataovy hatrany am-paran’ ny tany ny filazana fandriampa-halemana;

40 Ary ataovy amin’ ireo izay efa namely anareo ny tolo-kevitra ny fandriampahalemana,

araka ny feon’ ny Fanahy izay ao aminareo, dia hiara-hiasa hasoa anareo ny “zava-drehetra.

41 Koa aoka ho mahatoky; ary indro ka jereo, Izaho “homba anareo hatramin’ ny farany. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 106

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 25 Novambra 1834 (History of The Church, 2:170–171). Miantefa amin’ i Warren A. Cowdery izay sady zoky no rahalahin’ i Oliver Cowdery ity fanambarana ity.

1–3, Voantso ho mpitarika mpiahy eo an-toerana i Warren A. Cowdery; 4–5, Tsy hanampoka ny zanaky ny hazavana toy ny mpangalatra ny Fiaviana Fanindroany; 6–8, Fitahiana lehibe no manaraka ny fanompoana mahatoky ao amin’ ny Fiangonana.

NY sitrapoko dia ny hanendrena sy ny hanokanana an’ i Warren A. Cowdery ho mpisorona avo mpiahy ny fiangonako eo an-tanin’ i “Freedom sy ireo faritra manodidina;

2 Ary ny hitoriny ny filazantsarako maharitra mandrakizay sy ny hanandratany ny feony ary ny hampitandremanany ny olona, tsy eo amin’ ny toerana misy azy ihany fa eo amin’ ny fivondronana manodidina koa;

3 Ary hanokanany ny fotoany

rehetra ho amin’ ity antso ambony sy masina ity izay omeko azy ankehitriny, “hikatsahana fatratra ny ^bfanjakan’ ny lanitra sy ny fahamarinany, ary ny zavatra rehetra ilaina dia hanampy izany; fa mendrika ny karamany ny ^dmpiasa.

4 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, efa “manakaiky ny ^bfiavian’ ny Tompo ary manampoka izao tontolo izao toy ny ^dmpangalatra amin’ ny alina izany —

5 Koa sikino ny valahanareo mba hahatonga anareo ho zanaky ny “hazavana, ka tsy ^bhanampoka anareo toy ny mpangalatra izany andro izany.

6 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa nisy fifaliana tany an-danitra fony i Warren mpanompoko

39a TSM Faneva.
b TSM Fiadanana.

40a Roma. 8:28;
F&F 90:24; 100:15.

41a Mat. 28:19–20.

106 1a IE ny tanànan’ ny
Freedom, New York,

sy ny manodidina.
3a TSM Fanjakan’
Andriamanitra na
Fanjakan’ ny Lanitra.
b Mat. 6:33.
d Mat. 10:10; F&F 31:5.
4a Jakoba 5:8.

b TSM Andro Farany.
d 1 Tes. 5:2.
5a TSM Fahazavana,
Fahazavan’ i Kristy.
b Fan. 16:15.

nitsaoka ny tehim-piandriana-
ko ary nanala ny tenany tamin’
ny famitahan’ ny olona.

7 Koa sambatra i Warren mpa-
nompoko fa hamindra fo ami-
ny Aho; ary na dia eo aza ny
“fiebiebon’ ny fony, dia hanan-
dratra azy Aho raha toa izy ka
hanetry tena eo anoloako.

8 Ary Izaho hanome azy “faha-
soavana sy fahatokian-tena izay
ahazoany mijoro; ary raha mi-
toetra ho vavolombelona maha-
toky sy ho fahazavana ho an’ ny
fiangonana izy, dia efa nano-
mana satroboninahitra ho azy
ao amin’ ny ^bfitoeran’ ny Raiko
Aho. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 107

Fanambarana momba ny fisoronana, nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, mitondra ny datin’ ny 28 Martsa 1835 (History of the Church, 2:209–217). Tamin’ io daty voalaza io, dia nivory ny Roambinifololahy, nibaboka ny halemeny sy ny hadisoany ny tsirairay, naneho ny fibebahany ary nikatsaka bebe kokoa ny fitarihan’ ny Tompo. Efa akaiky hizarazara ho amin’ ny asa anirahana azy tsirairay avy izy ireo, any amin’ ny distrika nanendrena azy avy. Na dia azo tamin’ io daty voalaza io aza ireo ampahany amin’ ity fizarana ity, ny rakitsoratra ara-tantara dia manamafy fa azo tamin’ ny fotoana samy hafa ireo ampaha-ny samihafa, efa tamin’ ny volana Nôvambra 1831 aza ny sasany.

1–6, Misy fisoronana roa: ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fi-
soronana Aharôna; 7–12, Ireo
izay mihazona ny Fisoronana
Melkizedeka dia manana fahefana
hitondra amin’ ny anjara fanom-
poana rehetra ao amin’ ny Fiangon-
nana; 13–17, Ny episkôpà no
miahay ny Fisoronana Aharôna
izay mitondra ny ôrdônansy
ivelany; 18–20, Ny Fisoronana
Melkizedeka no mihazona ny
fanalahidin’ ny fitahiana ara-pa-
nahy rehetra; ny Fisoronana Aha-
rôna no mihazona ny fanalahidin’
ny fanompoan’ ny anjely; 21–38,
Ny Fiadidiana Voalohany, ny
Roambinifololahy ary ny Fitopo-
lolahy no antsoina hoe: kôlejy
miahay ka raisiny ao anatin’ ny

firaيسان-kina sy ny fahamarinana
ny fanampahan-kevin’; 39–52,
Voarina hatramin’ i Adama ka
hatreo amin’ i Noa ny lamin’ ny
patriarka; 53–57, Niangona tao
Adama-ondia-Amàna ireo Oloma-
sina fahiny ary niseho taminy ny
Tompô; 58–67, Tokony handamina
ny mpitondra ao amin’ ny Fiangon-
nana ny Roambinifololahy; 68–76,
Manompo toy ny mpitsara tsotra
amin’ i Isiraely ny eveka; 77–84,
Ny Fiadidiana Voalohany sy ny
Roambinifololahy no fitsarana avo
indrindra ao amin’ ny Fiangonana;
85–100, Samy mitondra ny kôleji-
ny avy ireo filohan’ ny Fisoronana.

MISY fisoronana roa ao
Amin’ ny fiangonana, dia

ny Fisoronana ^aMelkizedeka sy ny Fisoronana ^bAharôna izay ao anatin' ny fisoronan' i Levy;

2 Ny antony niantsoana ny voalohany hoe ny Fisoronana Melkizedeka dia satria mpisorona avo tena lehibe tokoa i ^aMelkizedeka.

3 Talohan' ny androny dia natao hoe ny *Fisoronana Masina* araka ny *"Lamin' ny Zanak' Andriamanitra izany.*

4 Nefa ho fanajana sy ^a"fitsaohana ny anaran' Ilay Izy Faratampony, ho fisorohana ny famerenana matetika loatra ny anarany, ny fiangonana tamin' ny andro fahiny dia niantso io fisoronana io araka an' i Melkizedeka na ny Fisoronana Melkizedeka.

5 Ireo fahefana hafa rehetra, na anjara fanompoana ao amin' ny fiangonana, dia ^a"tovan' io fisoronana io.

6 Saingy misy fizaràna na lohateny lehibe roa — ny anankiray dia ny Fisoronana Melkizedeka ary ny iray hafa dia ny Fisoronana Aharôna na ^a"Levy.

7 Ny anjara fanompoan' ny ^a"loholona dia ao anatin' ny fisoronan' i Melkizedeka.

8 Mihazona ny zon' ny fiadidiana ny Fisoronana Melkizedeka ary manan-kery sy ^a"fahefana amin' ireo anjara fanompoana rehetra ao amin' ny fiangona-

na, amin' ny vanim-potoana rehetra eo amin' izao tontolo izao, mba hitantana ny zavatra ara-panahy.

9 Ny ^a"Fiadidian' ny Fisoronana Avo araka ny lamin' i Melkizedeka dia manana zo hitarika amin' ny anjara fanompoana rehetra ao amin' ny fiangonana.

10 Ny ^a"mpisorona avo, araka ny lamin' ny Fisoronana Melkizedeka, dia manana ^bzo hitarika eo amin' ny toerany eo ambany fitarihan' ny fiadidiana, amin' ny fitantanana ny zavatra ara-panahy, ary koa amin' ny anjara fanompoan' ny loholona, ny mpisorona (avy amin' ny Lamin' i Levy), ny mpampianatra, ny diakona ary ny mpikambana.

11 Ny loholona dia manana zo hitarika eo amin' ny toerany rehefa tsy eo ny mpisorona avo.

12 Ny mpisorona avo sy ny loholona no hitantana ny zavatra ara-panahy, araka ny fane-kempihavanana sy ny didin' ny fiangonana; ary izy ireo dia manana zo hitarika amin' ireo anjara fanompoana rehetra ao amin' ny fiangonana ireo, rehefa tsy misy manampahefana ambonimbony kokoa manatrika.

13 Ny fisoronana faharoa dia atao hoe ny ^a"Fisoronan' i Aharôna, satria natolotra an' i ^bAharôna sy ny taranany izany, hatrany

107 1a TSM Fisoronana Melkizedeka.

b TSM Fisoronana Aharôna.

2a DJS, Gen. 14:25-40; F&F 84:14.

TSM Melkizedeka.

3a Almà 13:3-19;

F&F 76:57.

4a TSM Fanajana.

5a F&F 84:29; 107:14.

6a Deot. 10:8-9.

7a TSM Loholona.

8a TSM Fahefana.

9a F&F 81:2; 107:22,

65-67, 91-92.

10a TSM Mpisorona Avo.

b F&F 121:34-37.

13a TSM Fisoronana Aharôna.

b TSM Aharôna, Rahalahin' i Mosesy.

amin' ny taranany rehetra mifandimby.

14 Ny antony iantsoana azy ho fisoronana ambany dia noho izy "fanampin' ilay ambony na ny Fisoronana Melkizedeka, sy manana fahefana amin' ny fitantanana ny ôrdônansy ivelany.

15 Ny "episkôpà no miadidy io fisoronana io sy mihazona ny fanalahidiny na ny fahefany.

16 Tsy misy olona manana zo ara-dalàna amin' io anjara fanompoana io ka hihazona ny fanalahidin' io fisoronana io, raha tsy taranak' i Aharôna "arabakiteny izy.

17 Nefa noho ny mpisorona avo ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka manana fahefana hitarika amin' ireo anjara fanompoana ambany rehetra, dia mahazo mitarika eo amin' ny anjara fanompoan' ny eveka izy rehefa tsy misy taranak' i Aharôna arabakiteny mety ho hita, raha toa izy ka voantso sy voatendry ary "voatokana ho eo amin' io fahefana io, tamin' ny alalan' ny tanan' ny ^bFiadidiana ny Fisoronana Melkizedeka.

18 Ny hery sy ny fahefan' ny fisoronana ambonimbony kokoa na ny Fisoronana Melkizedeka dia ny mihazona ny "fanalahidin' ny fitahiana ara-

panahy rehetra ao amin' ny fiangonana —

19 Ny manana ny tombontsoa handray ny "misterin' ny fanjakan' ny lanitra, ny hanana ny lanitra misokatra eo anoloany, ny miombona amin' ny ^bfivorianana faobe sy ny fiangonan' ny Lahimatoa ary ny manana anjara amin' ny fiombonana sy ny fanatrehan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa, ilay "mpanalalan' ny fanekepiahavanana vaovao.

20 Ny hery sy ny fahefan' ny fisoronana ambany, na ny Fisoronana Aharôna, dia ny mihazona ny "fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny mitantana ireo ^bôrdônansy ivelany, ny soratry ny filazantsara, ny "batisan' ny fibabahana ho "famelan-keloka, araka ny fanekepiahavanana sy ny didy.

21 Tsy maintsy misy ny filoha na ny mpitarika miahhy izay mivoaka avy eo, na voatokana avy aminy na avy eo anivon' ireo izay voatokana ho amin' ireo anjara fanompoana maro ao amin' ireo fisoronana roa ireo.

22 "Mpisorona Avo Miahhy telo avy amin' ny ^bFisoronana Melkizedeka, nofidin' ny kôlejy, notendrena sy natokana ho amin' ity anjara fanompoana ity ary "notohanana tamin' ny fahatokiana, ny finoana ary ny

14a F&F 20:52; 107:5.

15a TSM Eveka.

16a F&F 68:14–21;
107:68–76.

17a TSM Manokana.
b F&F 68:15.

18a TSM Fanalahidin'
ny Fisoronana.

19a Almà 12:9–11;

F&F 63:23;
84:19–22.

TSM Misterin'
Andriamanitra.

b Heb. 12:22–24.

d TSM Mpanalalana.

20a F&F 13:1; 84:26–27.

b TSM Ôrdônansy.

d TSM Batisa.

e TSM Famelana ny
Fahotana.

22a F&F 90:3, 6; 107:9,
65–67, 78–84, 91–92.

b TSM Fisoronana
Melkizedeka.

d TSM Fanohanana
ireo Mpitondra
ny Fiangonana.

vavaky ny fiangonana no miforona ho kôlejin' ny Fiadidian' ny Fiangonana.

23 Ireo mpanolotsaina "roa ambin' ny folo mpitety faritra no antsoina ho ^bApostoly Roambinifololahy na ireo vavolombelona manokan' ny anaran' i Kristy eran' izao tontolo izao — izay mampiavaka azy amin' ny mpitarika hafa ao amin' ny fiangonana amin' ny andraikitra ny antso ananany.

24 Ary izy ireo dia miforona ho kôlejy, mitovy hery sy fahefana amin' ireo filoha telo voalaza tetsy aloha.

25 Ny "Fitopololahy dia antsoina koa hitory ny filazantsara sy ho vavolombelona manokana amin' ny Jentilisa sy eran' izao tontolo izao — izay mampiavaka azy amin' ny mpitarika hafa ao amin' ny fiangonana amin' ny andraikitra ny antso ananany.

26 Ary izy ireo dia miforona ho kôlejy mitovy fahefana amin' ny an' ny Roambinifololahy vavolombelona manokana na ireo Apostoly voalaza teo aloha.

27 Ary ny fanapahan-kevitra tsirairay raisin' ny iray amin' ireo kôlejy ireo dia tsy maintsy amin' ny alalan' ny firaisan' ny feony; izany hoe, ny mpikambana tsirairay amin' ny kôlejy tsirairay dia tsy maintsy manai-ky ny fanapahan-kevitra mba hahatonga ny fanapahan-kevitra izy ireo hanana hery sy fahefana mitovy eo amin' izy samy izy —

28 Ny maro an' isa dia afaka

manapaka ho an' ny kôlejy rehefa tojo toe-javatra tsy azo anoarana —

29 Fa raha tsy izany kosa no mitranga, ny fanapahan-keviny dia tsy manan-jo amin' ny fitahiana mitovy amin' ny an' ny fanapahan-kevitra ny kôlejin' ny filoha telo fahiny, izay lehilahy marina sy masina natokana araka ny lamin' i Melkizedeka.

30 Ny fanapahan-kevitra ireo kôlejy ireo na ny iray aminy dia horaisina amin' ny "fahamarinana rehetra, amin' ny fahamasinana ary amin' ny fietren' ny fo, ny halemam-panahy sy ny faharipo, ary amin' ny finoana sy ny ^bhatsaran-toetra ary fahalalana, ny fahononam-po, ny faharetana, ny toetra araka an' Andriamanitra, ny fifankatiavan' ny mpirahalalahy ary ny fiantrana;

31 Satria ny fampanantenana dia izao: raha miavosa ao aminy ireo zavatra ireo, dia "tena hahavokatra izy ireo amin' ny fahalalana ny Tompo.

32 Ary raha toa ka misy fanapahan-kevitra ireo kôlejy ireo noraisina tamin' ny tsy fahamarinana, dia azo entina eo anoloan' ny fivoriana faoben' ny kôlejy samihafa, izay miforona ho manampahefana ara-panahin' ny fiangonana, izany; fa raha tsy izany dia tsy misy fitsarana ambony azo ampakarana ny fanapahan-keviny.

33 Ny Roambinifololahy no Filankevitra Avo Miahidy sady Mpitety faritra, mitarika amin'

23a F&F 107:33–35.

^b TSM Apostoly.

25a TSM Fitopololahy.

30a F&F 121:36.

TSM Fahamarinana.

^b F&F 121:41.

TSM Hatsaran-toetra.

31a 2 Pet. 1:5–8.

ny anaran' ny Tompo eo ambany fitarihan' ny Fiadidian' ny Fiangonana, araka ny andrimpanjakan' ny lanitra; manorina ny fiangonana sy mitantana ny raharahany rehetra any amin' ny firenen-drehetra, voalohany any amin' ny "Jentilisa ary faharoa any amin' ny Jiosy.

34 Ny Fitopololahy dia tokony hiasa amin' ny anaran' ny Tompo, eo ambany fitarihan' ny "Roambinifololahy na ny filankevitra avo mpitety faritra, amin' ny fanorenana ny fiangonana sy fitantanana ny raharahany rehetra any amin' ny firenen-drehetra, voalohany any amin' ny Jentilisa ary rehefa izany dia any amin' ny Jiosy —

35 Irahina ny Roambinifololahy mihazona ny fanalahidy mba hanokatra ny varavarana amin' ny alalan' ny fitoriana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, voalohany any amin' ny Jentilisa ary rehefa izany dia any amin' ny Jiosy.

36 Ny "filankevitra avo maharitra, eo amin' ny tsatòkan' i Ziona, dia miforona ho kôlejy mitovy fahefana amin' ny kôlejin' ny fiadidiana, na amin' ny filankevitra avo mpandehandeha eo amin' ny raharahan' ny fiangonana, amin' ny fanapahan-kevitra rehetra.

37 Ny filankevitra avo ao Ziona dia miforona ho kôlejy mitovy fahefana amin' ireo filankevitry ny Roambinifololahy

ao amin' ireo tsatòkan' i Ziona, eo amin' ny raharahan' ny fiangonana, amin' ny fanapahan-keviny rehetra.

38 Adidin' ny filankevitra avo mpandehandeha, rehefa mila fanampiana, ny miantso ny "Fitopololahy mialohan' ny hafa rehetra, mba hameno ireo antso maro ho fitoriana sy ho fitondrana ny filazantsara.

39 Adidin' ny Roambinifololahy ny manokana ireo "mpanompo ara-pilazantsara any amin' ireo sampana lehibe rehetra ao amin' ny fiangonana, araka izay hanondroan' ny fanambarana azy ireny.

40 Ny lamin' ity fisoronana ity dia napetraka hiampita, avy amin' ny ray ho an' ny zananelahy, ary izany dia fananana ara-dalàn' ny tamingana arabakitenin' ny taranaka voafidy izay nanaovana ny fampanantenana.

41 Naorina tamin' ny andron' i "Adama ity lamina ity ary nampitaina tamin' ny alalan' ny ^bfirazanana araka izao fomba manaraka izao:

42 Avy tamin' i Adama nankamin' i "Seta izay natokan' i Adama tamin' izy sivy amby enimpolo taona sy notsofiny rano telo taona talohan' ny nahafatesany (an' i Adama) ary nandray ny fampanantenan' Andriamanitra tamin' ny alalandrainy fa ny taranany no ilay nofinidin' ny Tompo, ary hote-

33a 1 Ne. 13:42;
3 Ne. 16:4–13;
F&F 90:8–9.
34a F&F 112:21.

36a TSM Filankevitra Avo.
38a TSM Fitopololahy.
39a TSM Evanjelista;
Patriarika.

41a TSM Adama.
b Gen. 5; F&F 84:6–16;
Mos. 6:10–25.
42a TSM Seta.

hirizina izy ireo hatramin' ny fiafaran' ny tany;

43 Satria lehilahy "fanaperana izy (i Seta), ary ny ^bendrin' dia ny endriky ny rainy tanteraka, hany ka toa nitovy tamin' ny rainy izy tamin' ny zava-drehe-tra ary tsy hay navahana taminy afa-tsy tamin' ny taonany.

44 Efatra amby telopolo amby zato taona ary fito andro sy efa-bolana i Enosy raha natokana tamin' ny tanan' i Adama.

45 Nantsoin' Andriamanitra tany an-tany foana i Kenana tamin' ny fahefapolo taonany; ary nihaona tamin' i Adama izy raha nankany Sedolamaka. Fito amby valopolo taona izy raha nandray ny fanokanana azy.

46 Enina amby sivifolo sy efajato taona i Mahalalila raha natokana tamin' ny tanan' i Adama izay nitso-drano azy koa.

47 Roanjato taona i Jarèda raha natokana tamin' ny tanan' i Adama izay nitso-drano azy koa.

48 Dimy amby roapolo taona i "Enoka raha natokana tamin' ny tanan' i Adama; ary dimy amby enipolo taona izy raha nitso-drano azy i Adama.

49 Dia nahita ny Tompo izy ary niara-nandeha Taminy sy teo anoloan' ny tavany lalandava; ary niara-"nandeha tamin' Andriamanitra dimy amby enipolo sy telonjato taona izy, ka ny fitambarany dia feno telopo-

lo sy efajato taona izy raha ^bnalaina ho any an-danitra.

50 Zato taona i "Metosela raha natokana tamin' ny tanan' i Adama.

51 Roa amby telopolo taona i Lameka raha natokana tamin' ny tanan' i Seta.

52 Folo taona i "Noa raha natokana tamin' ny tanan' i Metosela.

53 Telo taona talohan' ny fa-hafatesan' i Adama, dia nampanantsoiny i Seta, i Enosy, i Kenana, i Mahalalila, i Jarèda, i Enoka ary i Metosela izay "mpisorona avo avokoa, niaraka tamin' ny taranany sisa izay marina, hankeo amin' ny lohasahan' i ^bAdama-ondia-Amana, ary teo no nanomezany azy ireo ny tsodranony farany.

54 Ary niseho tamin' izy ireo ny Tompo, dia nitsanga izy ireo ka nitso-drano an' i "Adama sy niantso azy hoe ^bMikaela, ilay printsy, ilay arikanjely.

55 Ary nitondra fampiononana tamin' i Adama ny Tompo ka nanao taminy hoe: Efa napetra-ko ho lohany ianao; ary sesehe-na ireo firenena hivoaka avy aminao, ary ianao no "printsy mandrakizay eo aminy.

56 Dia nitsangana teo afovoan' ny mpivory i Adama; ary na dia vokoka noho ny taona aza izy dia feno ny Fanahy Masina ka "naminany ny zavatra rehetra

43a TSM Tanteraka.

^b Gen. 5:3.

48a TSM Enoka.

49a Gen. 5:22; Heb. 11:5;
Mos. 7:69.

^b TSM Olona Novana.

50a TSM Metosela.

52a TSM Noa, Patriarika
ao amin' ny Baiboly.

53a TSM Mpisorona Avo.
^b F&F 78:15; 116:1.

TSM Adama-Ondia-

Amàna.

54a F&F 128:21.

TSM Adama.

^b TSM Mikaela.

55a F&F 78:16.

56a Mos. 5:10.

hanjo ny fara aman-dimbiny hatramin' ny taranaka farany indrindra.

57 Ireo zavatra ireo dia nosoratana avokoa tao amin' ny bokin' i Enoka ary hijoroana ho vavolombelona amin' ny fotoana mahamety izany.

58 Adidin' ny "Roambinifololahy koa ny ^bmanokana sy ny mandamina ireo mpitarika hafa rehetra ao amin' ny fiangonana araka ny fanambarana izay manao hoe:

59 Ho an' ny fiangonan' i Kristy ao an-tanin' i Ziona, ho fanampin' ny "lalàn' ny fiangonana momba ny raharahan' ny fiangonana —

60 Lazaiko aminareo marina tokoa, hoy ny Tompon' ny Maro, tsy maintsy ilaina ny hisian' ny "loholona miahhy mba hiahhy ireo izay ao amin' ny anjara fanompoan' ny loholona;

61 Ary koa "mpisorona mba hiahhy ireo izay ao amin' ny anjaran' ny fanompoan' ny mpisorona;

62 Ary koa mpampianatra mba "hiahhy toy izany koa ireo izay ao amin' ny anjaran' ny fanompoan' ny mpampianatra, ary koa ny diakona —

63 Koa avy amin' ny diakona mankamin' ny mpampianatra, ary avy amin' ny mpampianatra mankamin' ny mpisorona, ary avy amin' ny mpisorona mankamin' ny loholona, araka izay

anendrena azy tsirairay avy, araka ny fanekepiahavanana sy ny didin' ny fiangonana.

64 Rehefa izany dia tonga ny Fisoronana Avo izay lehibe indrindra amin' ny rehetra.

65 Koa tsy maintsy ilaina ny hanendrena anankiray amin' ny Fisoronana Avo mba hiahhy ny fisoronana, ary izy dia antsoina hoe Filohan' ny Fisoronana Avon' ny Fiangonana;

66 Na amin' ny teny hafa, Ny "Mpisorona Avo Miahhy ny Fisoronana Avon' ny Fiangonana.

67 Avy aminy no iavian' ny fitantanana ny ôrdônansy sy ny fitahiana amin' ny fiangonana, amin' ny alalan' ny "fametrahan-tanana.

68 Koa tsy mitovy amin' izany ny anjara fanompoan' ny "eveka; fa ny anjara fanompoan' ny eveka dia ny fitantanana ny zavatr' izao fiainana izao;

69 Kanefa dia tsy maintsy voafidy avy amin' ny "Fisoronana Avo ny eveka, raha tsy hoe taranak' i Aharôna ^bara-bakiteny angaha izy;

70 Fa raha tsy taranak' i Aharôna ara-bakiteny izy dia tsy afaka mihazona ny fanalahidin' io fisoronana io.

71 Kanefa ny mpisorona avo, izany hoe, araka ny lamin' i Melkizedeka, dia azo atokana mba hitantana ny zavatr' izao fiainana izao sy hanana fahalalana momba izany amin' ny

58a TSM Apostoly.
b TSM Manokana.
59a F&F 43:2-9.
60a F&F 107:89-90.
61a F&F 107:87.

62a F&F 107:85-86.
66a F&F 107:9, 91-92.
TSM Filoha.
67a TSM Fametrahan-tanana.

68a TSM Eveka.
69a TSM Fisoronana Melkizedeka.
b F&F 68:14-24; 84:18; 107:13-17.

alalan' ny Fanahin' ny fahamarinana;

72 Ary koa mba ho "mpitsara amin' i Isiraely, hanao ny raharahan' ny fiangonana, hipetraka hitsara ny mpandika lalàna araka ny tenivavolombelona izay hapetraka eo anoloany, araka ny lalàna, amin' ny alalan' ny fanampian' ny mpanolotsainy izay efa nofidiny na hofidiny eo anivon' ireo loholon' ny fiangonana.

73 Izany no adidin' ny eveka izay tsy taranak' i Aharôna arabakiteny fa efa natokana kosa ho amin' ny Fisoronana Avo araka ny lamin' ny Melkizedeka.

74 Dia ho mpitsara toy izany izy, mpitsara tsotra eo anivon' ny mponin' i Ziona, na ao amin' ny tsatòkan' i Ziona na any amin' ny sampan' ny fiangonana izay hanokanana azy ho amin' io asa fanompoana io, mandra-panalalahana ny sisintanin' i Ziona ka manjary ilaina ny hananana eveka na mpitsara hafa ao i Ziona na amin-toeran-kafa.

75 Ary raha misy eveka hafa voatendry, dia hiasa ao amin' izany anjara fanompoana izany ihany izy ireo.

76 Fa ny taranak' i Aharôna arabakiteny dia manana zo ara-dalàna amin' ny fiadidiana an' io fisoronana io, amin' ny "fanalahidin' io asa fanompoana io, hiasa irery ao amin' ny anjara fanompoan' ny eveka, tsy misy mpanolotsaina, hitoetra ho mpitsara amin' i Isiraely afa-

tsy amin' ny toe-javatra izay itsarana ny Filohan' ny Fisoronana Avo, araka ny lamin' i Melkizedeka.

77 Ary ny fanapahan-kevitra ny iray amin' ireo filankevitra ireo dia hifanaraka amin' ny didy izay manao hoe:

78 Ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina fa ny raharahan' ny fiangonana manandanja indrindra sy ny fitranganjavatra "sarotra indrindra ao amin' ny fiangonana, raha toa ka tsy misy fahafaham-po azo tamin' ny fanapahan-kevitra ny eveka na ny mpitsara, dia hatolotra ary hampitaina amin' ny filankevitry ny fiangonana, eo anoloan' ny ^bFiadidian' ny Fisoronana Avo.

79 Ary ny Fiadidian' ny filankevitry ny Fisoronana Avo dia hanam-pahefana hiantso mpi-sorona avo hafa, dia roa ambin' ny folo, mba hanampy toy ny mpanolotsaina; ary dia toy izany no hananan' ny Fiadidian' ny Fisoronana Avo mbamin' ny mpanolotsainy fahefana hanapaka avy amin' ny tenivavolombelona, araka ny lalàn' ny fiangonana.

80 Ary aorian' ity fanapahan-kevitra ity, dia tsy hotsarovana intsony eo anoloan' ny Tompo izany; fa ity no filankevitra ambony indrindra ao amin' ny Fiangonan' Andriamanitra, sy manana ny teny farany momba ny fifanjahirana eo amin' ny lafiny ara-panahy.

81 Tsy misy olona mpikamba-

na ao amin' ny fiangonana ka afaka amin' ity filankevitry ny fiangonana ity.

82 Ary raha toa ka mandika lalàna ny Filohan' ny Fisoronana Avo, dia hotsarovana eo anoloan' ny filankevitra tsotra amin' ny fiangonana izay hampian' ny mpanolotsaina roa ambin' ny folo avy amin' ny Fisoronana Avo;

83 Ary ny fanapahan-keviny momba azy dia ho fiafaran' ny fifanjihirana momba azy.

84 Koa tsy misy ho afaka amin' ny "fitsarana sy ny lalàn' Andriamanitra, mba ho azo atao amim-pilaminana sy amim-pahendrena eo anoloany ny zavadrehetra, araka ny marina sy ny fahamarinana.

85 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo tokoa, ny adidin' ny filohan' ny anjara fanompoan' ny "diakona dia ny miahy diakona roa ambin' ny folo, ny miara-mivory aminy amina filankevitra ary ny ^bmampianatra azy ireo ny adidiny, mba hifampahery araka izay ambaran' ny fanekempihavanana.

86 Ary ny adidin' ny filohan' ny anjara fanompoan' ny "mpampianatra dia ny miahy mpampianatra efatra amby roa-polo sy ny miara-mivory aminy amina filankevitra, ny mampianatra azy ireo ny adidiny amin'

ny anjara fanompoany, araka izay ambara ao amin' ny fanekempihavanana.

87 Ary koa ny adidin' ny filohan' ny Fisoronan' i Aharôna dia ny miahy "mpisorona valo amby efapolo sy ny miara-mivory aminy amina filankevitra, ny mampianatra azy ireo ny adidin' amin' ny anjara fanompoany, araka izay ambara ao amin' ny fanekempihavanana.

88 Izany filoha izany dia tsy maintsy "eveka; satria izany dia anankiray amin' ny adidin' ity fisoronana ity.

89 Ankoatra izany, ny adidin' ny filohan' ny anjara fanompoan' ny "loholona dia ny miahy loholona enina amby sivifolo sy ny miara-mivory aminy amina filankevitra ary mampianatra azy ireo araka ny fanekempihavanana.

90 Io fiadidiana io dia miavaka amin' ny an' ny fitopololahy ary natao ho an' ireo izay tsy "mandehandeha eran' izao tontolo izao.

91 Ary ankoatra izany, ny adidin' ny Filohan' ny anjara fanompoan' ny Fisoronana Avo dia ny "miahy ny fiangonana manontolo ary ny hitovy amin' i ^bMosesy—

92 Indro, eto ny fahendrena; eny, ny ho "mpahita, ^bmpanambara, mpandika teny ary "mpa-

84a TSM Fahamarinana.

85a TSM Diakona.

b F&F 38:23; 88:77-79, 118.

86a F&F 20:53-60.

TSM Mpampianatra, Fisoronana Aharôna.

87a TSM Mpisorona,

Fisoronana Aharôna.

88a TSM Eveka.

89a TSM Loholona.

90a F&F 124:137.

91a F&F 107:9, 65-67.

b F&F 28:2; 103:16-21.

92a Môsià 8:13-18.

TSM Mpahita.

b TSM Fanambarana.

d F&F 21:1.

TSM Mpaminany.

minany, manana ny *“fanomezam-pahasoavan’ Andriamani-
tra rehetra, izay natolony ho
an’ ny filohan’ ny fiangonana.*

93 Ary izany dia araka ny fahitana mampiseho ny lamin’ ny *“Fitopololahy, fa izy ireo dia tokony ho hanana filoha fito nofinidy teo anivon’ ny fitopololahy mba hiahzy azy ireo;*

94 Ary ny filoha fahafito amin’ ireto filoha ireto no miahy ny enina;

95 Ary ireto filoha fito ireto dia tokony hifidy fitopololahy hafa ankoatra ny fitopololahy voalohany izay misy azy ireo ary tokony hiahzy azy ireo;

96 Ary fitopololahy hafa koa hatrany amin’ ny fitopolo impito, raha ilain’ ny asa ao amin’ ny tanimboaloboka ny hitakiana izany.

97 Ary ireto fitopololahy ireto dia tokony ho mpanompo *“mpandehandeha any amin’ ny*

Jentilisa aloha, ary rehefa izany dia any amin’ ny Jiosy.

98 Fa tsy adidin’ ireo mpitari-ka hafa ao amin’ ny fiangonana kosa, izay tsy isan’ ny Roambinifololahy na ny Fitopololahy, ny mandeha any anivon’ ny firenen-drehetra, saingy tokony handeha izy ireo raha afaka manao izany, na dia mety mitana anjara fanompoana avo sy mavesatra ao amin’ ny fiangonana aza.

99 Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny *“andraikiny ary hiasa amin’ ny ^bzotom-po rehetra ao amin’ ny anjara fanompoana izay anendrena azy.*

100 Izay *“midonanaham-poana dia tsy hisaina ho ^bmendrika ny hahazo sitraka, ary izay tsy mianatra ny adidiny, ka mampiseho fa tsy mahafatra-po ny tenany, dia tsy hisaina ho mendrika ny hitoetra. Izany tokoa. Amena.*

FIZARANA 108

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Kirtland, Ohio, ny 26 Desambra 1835, (History of the Church, 2:345). Voaray ity fizarana ity noho ny fangatahan’ i Lyman Sherman izay efa natokana ho mpisorona avo sy fitopololahy teo aloha ary tonga tao amin’ ny Mpaminany, nangataka fanambarana hampahafantarana ny andraikiny.

1–3, Voavela ny fahotan’ i Lyman Sherman; 4–5, Hisaina miaraka amin’ ireo loholona mpitrika ao amin’ ny Fiangonana izy; 6–8, Voantso izy hitory

ny filazantsara sy hampahery ny rahalahiny.

TOY izao marina tokoa no lazain’ ny Tompo aminao ry

92e TSM Fanomezam-pahasoavan’ ny Fanahy.

93a F&F 107:38.

TSM Fitopololahy.
97a F&F 124:138–139.

99a TSM Adidy.

b TSM Fahazotoana.

100 aF&F 58:26–29.

TSM Midonana-poana.

b TSM Mendrika.

Lyman mpanompoko: Voavela ny fahotanao, satria efa nankato ny feoko ianao noho ny fahaton-gavanao etoana izao maraina izao handray torohevitra avy amin' ilay efa notendreko.

2 Koa aoka "hitony ny fanahinao raha ny amin' ny toeranao eo imason' Andriamanitra ary aza toherina intsony ny feoko.

3 Dia mitsangàna ary tandremo bebe kokoa hatrizao ny fanefanao ny voadinao izay efa nataonao sy ataonao, dia hotahiana amin' ny fitahiana lehibe mitafotafo ianao.

4 Miandrasa amim-paharetana ambara-piantsoana ny "fivoriana masin' ireo mpanompoko, dia hotsarovana miaraka amin' ny voalohany amin' ireo loholo-

na ianao ary hahazo zo amin' ny alalan' ny fanokanana miaraka amin' ireo lohologo sisa izay efa nofinidiko.

5 Indro, izany no "fampanantenan' ny Ray aminao raha mitoetra ho mahatoky ianao.

6 Ary ho tanteraka aminao izany amin' io andro io izay hanananao zo "hitory ny filazantsarako, na aiza na aiza hanirahako anao hatrizao, manomboka amin' izay fotoana izay.

7 Koa "ampaherezo ny rahalahinao amin' ny resakao rehetra, amin' ny fivavakao rehetra, amin' ny fanentanana rehetra ary amin' ny ataonao rehetra.

8 Ary indro ka jereo, momba anao Aho mba hitahy anao sy "hanafaka anao mandrakizay. Amena.

FIZARANA 109

Vavaka natolotra tamin' ny fanokafana ny tempoly tao Kirtland, Ohio, ny 27 Martsa 1836 (History of the Church, 2:420-426). Araka ny teny nosoratan' ny Mpaminany, ity vavaka ity dia nomena azy tamin' ny alalan' ny fanambarana.

1-5, Naorina mba ho toerana ho-tsidihin' ny Zanak' Olona ny Tempolin' i Kirtland; 6-21, Izany dia ho tranon' ny vavaka, ny fifadiankanina, ny finoana, ny fianarana, ny voninahitra sy ny filaminana, ary ho tranon' Andriamanitra; 22-33, Enga anie hangaihay ny tsy mibebaka izay manohitra ny vahoakan' ny Tompo; 34-42, Enga anie hivoaka amin-kery ny Olomasina ka hanangona ny marina ho ao Ziona; 43-53, Enga anie

ny Olomasina ho afaka amin' ny zavatra mahatahotra izay haidina amin' ny olon-dratsy amin' ny andro farany; 54-58, Enga anie ireo firenena sy vahoaka ary fiangonana ho voaomana ho amin' ny filazantsara; 59-67, Enga anie ny Jiosy, ny Lamanita ary ny Isiraely manontolo ka ho voavotra; 68-80, Enga anie ny Olomasina ka hosatrohina voninahitra sy laza ary hahazo ny famonjena mandrakizay.

^aISAORANA anie ny anaranao Iry Tompo Andriamanitry ny Isiraely ô, izay mitandrana ny ^bfaneke mpihavanana ary maneho famindram-po amin' ireo mpanomponao izay mandeha araka ny hitsiny eo anoloanao amin' ny fony manontolo—

2 Ianao izay efa nandidy ireo mpanomponao ^ahanorina trano ho an' ny anaranao eo amin' ity toerana ity [Kirtland].

3 Ary hitanao ankehitriny Tompo ô, fa efa nanao araka ny didinao ireo mpanomponao.

4 Ary ankehitriny Ray Masina ô dia mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, Ilay Zanaka ao an-tratranao, izay amin' ny anarany irery ihany no ahafahana mitondra ny famonjena ho an' ny zanak' olombelona, mangataka Anao izahay Tompo ô hanaiky ity ^atrano ity, ny ^basan' ny tananay mpanomponao, izay nandidiana anay haorina.

5 Satria fantatrao fa efa nanao izao asa izao tao anatin' ny fahoriana be izahay; ary avy amin' ny fahantranay no efa nanomezanay tamin' ny fanananay hanorenana ny ^atrano ho an' ny anaranao, mba hananan' ny Zanak' olona toerana hanehoana ny tenany amin' ny vahoakany.

6 Ary toy izay efa nolazainao tamin' ny ^afanambarana nomenao anay, niantsoanao anay ho

namanao, manao hoe—Ataovy ny fivorianareo masina, araka izay efa nandidiako anareo;

7 Ary satria tsy ny rehetra no manana finoana, dia mikatsaha fatratra sy mifampianara ny teny fahendrena ianareo; eny, katsahonareo ao amin' ny boky tsara indrindra ny teny fahendrena; katsahonareo ny fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana ary koa amin' ny alalan' ny finoana.

8 Mifandamina ianareo; omano ny zavatra rehetra ilaina, ary manorena trano, dia tranon' ny vavaka, tranon' ny fifadiankani-na, tranon' ny finoana, tranon' ny fianarana, tranon' ny voninahitra, tranon' ny filaminana, tranon' Andriamanitra;

9 Mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fidiranareo; mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fivoahanareo; mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fifampiarahabanareo rehetra amin' ny fanandratana ny tanana ho amin' ny Avo Indrindra—

10 Ary ankehitriny Ray Masina ô, dia mangataka Anao izahay hanampy anay vahoakanao amin' ny alalan' ny fahasoavanao, amin' ny fanaovanay ny fivoriana masina mba hahazoana manao izany ho voninahitrao sy hanekenao Andriamanitra izany;

11 Ary mba ho hita eo imasonao fa mendrika izahay ny

109 1a Almà 37:37;

F&F 46:32.

TSM Misaotra.

b Dan. 9:4.

TSM Faneke mpihava-

nana.

2a F&F 88:119.

4a 1 Mpan. 9:3.

TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

b 2 Ne. 5:16.

5a F&F 124:27–28.

6a F&F 88:117–120.

hahazo ny fanatanterahana ny "fampanantenana izay efa nataonao taminay vahoakanao, ao amin' ireo fanambarana nomenao anay;

12 Mba hahazoan' ny "voninahitrao mitoetra amin' ny olonao sy amin' ity tranonao ity izay atolotray ankehitriny ho Anao, mba hahazoana manamasina sy manokana izany ho masina, ary mba ho amin' ity trano ity lalandava ny fanatrehanao masina;

13 Ary mba hahatsapa ny herinao ny olona rehetra izay miditra ny tokonam-baravarany ny tranon' ny Tompo ary ho voaterry hiaiky fa efa nohamasininao izany, ary izany no tranonao, toeran' ny fahamasinanao.

14 Ary hotovinao anie, Ray Masina ô, ny hahazoana mampianatra ny teny fahendrena avy amin' ny boky tsara indrindra amin' ireo rehetra izay hidera ao amin' ity trano ity, ary ny hahazoany mikatsaka fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana ary koa amin' ny alalan' ny finoana, araka izay efa nolazainao;

15 Ary hahazoany mitombo ao Aminao sy mandray ny fahafe-noan' ny Fanahy Masina ary mifandamina araka ny lalànao, ary miomana mba hahazo ny zavatra rehetra ilaina;

16 Ary ny hahatonga ity trano ity ho tranon' ny vavaka, tranon' ny fifadiankanina, tranon' ny finoana, tranon' ny voninahitra sy an' Andriamanitra, dia ny tranonao;

17 Mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fidiran' ny vahoakanao rehetra ao amin' ity trano ity;

18 Mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fivoahany rehetra avy ato amin' ity trano ity;

19 Ary mba ho amin' ny anaran' ny Tompo ny fifampiarahabany rehetra amin' ny fanandratana ny tanana masina ho amin' ny Avo Indrindra;

20 Ary mba tsy hisy zavatra "tsy madio havela hiditra ny tranonao handoto azy;

21 Ary raha mandika lalàna ny vahoakanao, na dia ny anankiray aminy aza, dia mba hahazo hibebaka faingana tokoa izy ary hiverina Aminao sy hahita sitraka eo imasonao ary haverina amin' ireo fitahiana izay efa notendrenao harotsaka amin' ireo izay "hitsaoka Anao ao an-tranonao.

22 Ary mangataka Anao iza-hay, Ray Masina ô, mba hahazoan' ireo mpanomponao mivoaka avy amin' ity tranonao ity, mitondra ny herinao ho fiadiana, ary mba ny anaranao no ho amin' izy ireo, ary ny voninahitrao no hanodidina azy ireo, ary ny "anjelinao no hika-rakara azy ireo;

23 Ary hahazoany mitondra avy amin' ity toerana ity amin' ny fahamarinana tokoa ireo vao-vao lehibe fatratra sy be voninahitra hatrany "am-paran' ny tany, mba hahafantaran' izy ireo fa asanao ity ary lanao dia efa

11a F&F 38:32; 105:11-12, 18, 33.

12a TSM Voninahitra.

20a F&F 94:8-9; 97:15-17.

21a TSM Fanajana.

22a TSM Anjely.

23a F&F 1:2.

naninjitra ny tananao mba hana-
tontosa izay efa noteneninao
tamin' ny vavan' ireo mpami-
nany momba ny andro farany.

24 Mangataka Anao izahay
Ray Masina ô, mba hampiorina
ny vahoaka izay efa hidera sy
hitana amim-panajana ny ana-
rany sy ny toerany eo imason' Andriamanitra ao amin' ity trano ity ho an' ireo taranaka rehetra sy ho mandrakizay;

25 Mba tsy hisy fiadiana
“voamboatra hamelezana azy
ireo ka hiroborobo; mba hianje-
ran' izay mihady ^blavaka ho
azy ireo ao amin' izany;

26 Mba tsy hisy tsikombakom-
ban' ny faharatsiana hanan-kery
hitsangana ao amin' ity trano ity
ka “handresy ny vahoakanao
izay hametrahana ny ^banaranao
ao amin' ity trano ity;

27 Ary raha misy vahoaka hi-
tsangana hamely ity vahoaka
ity, dia ny hirehetan' ny fahate-
zeranao aminy;

28 Ary raha mamely ity va-
hoaka ity izy ireo, dia ny hame-
lazonao azy ireo; ny hiadianao
ho an' ny vahoakanao toy ny
nataonao tamin' ny andron' ny
ady, mba hahazoana manafaka
azy amin' ny tanan' ny fahava-
lony rehetra.

29 Mangataka Anao izahay,
Ray Masina ô, hampangaihay sy
hampitolagaga ka hitondra he-
natra sy savorovoro ho an' ireo
rehetra efa nanelay lainga teny
ivelany, eran' izao tontolo izao,

namelezana ny mpanomponao
na ireo mpanomponao, raha tsy
hibebaka izy rehefa hotoriana
eo an-tsofiny ny filazantsara
maharitra mandrakizay;

30 Ary mba hatao tsinontsino-
na ny asany rehetra ka hopao-
hin' ny “havandra sy ny famai-
zana izay halefanao aminy ao
amin' ny fahatezeranao, mba
hisy farany ny ^bfandaingana sy
ny endrikendrika hamelezana
ny vahoakanao.

31 Satria fantatrao Tompo ô fa
tsy manan-tsiny eo anoloanao
ny mpanomponao amin' ny
fijoroana ho vavolombelon' ny
anaranao izay efa niaretan' izy
ireo ireny zavatra ireny.

32 Koa italahaoanay Aminao ny
fanafahana feno sy tanteraka
eo ambanin' ity “zioga ity;

33 Tapaho izany hiala, Tompo
ô; tapaho amin' ny herinao
izany hiala ny vozon' ireo mpa-
nomponao mba hahazoanay
mitsangana eo afovoan' ity tara-
naka ity ary manao ny asanao.

34 Jehovah ô, mamindrà fo
amin' ity vahoaka ity ary satria
“manota avokoa ny olona dia
mamelà ny fandikan-dalàna ny
vahoakanao, ary aoka izany
ho voafafa mandrakizay.

35 Aoka ny “fanosorana ny
mpanomponao hofehezina eo
amin' amin' ny hery avy any
ambony.

36 Aoka izany ho tanteraka
amin' tahaka ny tamin' ireo
izay tamin' ny andro Pentekôs-

25a Isa. 54:17.

b Ohab. 26:27;

1 Ne. 14:3; 22:14.

26a F&F 98:22.

b 1 Mpan. 8:29.

30a Isa. 28:17; Môsià 12:6;

F&F 29:16.

b 3 Ne. 21:19–21.

32a TSM Zioga.

34a Roma. 3:23; 5:12.

TSM Fahotana.

35a TSM Manosotra.

ta; aoka ny fanomezam-pahasoavana amin' ny "fiteny hirotsaka amin' ny vahoakanao, dia ^blela mitarehin' afo mizarazara mbamin' ny fandikana azy.

37 Ary aoka ny tranonao hofenoina amin' ny "voninahitrao, toy ny amin' ny rivotra mahery mifofofoto.

38 Apetraho amin' ireo mpanomponao ny "tenivavolombelon' ny fanekempihavanana mba hahazoan' ireo ^bmanomboka kase ny lalàna rehefa mandeha mivoaka sy mitory ny teninao ary manomana ny fon' ireo olomasinao ho amin' ireo famaizana rehetra izay efa madiva halefanao ao amin' ny fisafoakao, amin' ny mponin' ny "tany, noho ny fandikan-dalàny, ka tsy ho kivy ny vahoakanao amin' ny androm-pahoriana.

39 Ary na inona na inona tanàna hidiran' ireo mpanomponao ary mandray ny tenivavolombelony ny mponin' io tanàna io, dia aoka ny fiadananao sy ny famonjenao ho to amin' io tanàna io; mba hahazoany manangona ny marina ho any ivelan' io tanàna io, ka handehanan' ireny any "Ziona, na any amin' ireo tsatòkany, ireo toerana voatondronao, miaraka amin' ny hiran' ny fifaliana maharitra mandrakizay;

40 Ary mandra-pahatonga iza ny ho tanteraka, dia aoka tsy

hianjera amin' io tanàna io ny famaizanao.

41 Ary na inona na inona tanàna hidiran' ireo mpanomponao, ka tsy mandray ireo tenivavolombelon' ireo mpanomponao ny mponin' izany tanàna izany, ary mampitandrina azy ireo hamonjy ny tenany amin' ity taranaka maditra ity ny mpanomponao, dia aoka ho to amin' ity tanàna ity, araka izay efa notenenina tamin' ny vavan' ireo mpaminaninao.

42 Nefa miangavy Anao iza-hay, Jehovah ô, hanafaka ireo mpanomponao eo an-tanany ary hanadio azy ireo amin' ny rany.

43 Tompo ô, tsy finaritra amin' ny famongorana ny mpiarabelona aminay izahay; sarobidy eo anoloanao ny "fanahiny;

44 Nefa tsy maintsy tanterahina ny teninao. Ampio ireo mpanomponao hilaza miaraka amin' ny fanohanan' ny "fahasoavanao hoe: Hatao anie ny sitraponao, Tompo ô, fa tsy ny anay.

45 Fantatray fa niteny, tamin' ny vavan' ireo mpaminaninao, zavatra mahatahotra ianao momba ny olon-dratsy amin' ny "andro farany — fa haidinao tsy misy fetrany ny famaizanao;

46 Koa afaho amin' ny antambon' ny olon-dratsy ny vahoakanao Tompo ô; omeo fahefana ireo mpanomponao hanombo-

36a TSM Fiteny,
Fanomezam-
pahasoavana amin' ny.
b Asa 2:1–3.

37a F&F 84:5; 109:12.
TSM Voninahitra.

38a TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.

b Isa. 8:16; F&F 1:8.

d TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

39a Isa. 35:10.

43a TSM Fanahy
(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy).

44a TSM Fahasoavana.

45a TSM Andro Farany.

ka kase ny lalàna sy hifehy ny tenivavolombelona, mba ho voaomana ho amin' ny andro fandoroana izy ireo.

47 Mangataka Anao izahay, Ray Masina ô, hahatsiaro ireo izay efa noroahin' ny mponin' ny fivondronan' i Jackson, Missouri, hiala amin' ny tany lovany ary hanapaka hiala ity ziogan' ny fahoriana izay efa napetraka tamin' izy ireo ity.

48 Ianao mahafantatra Tompo ô fa efa nampahoriana mafy tokoa izy ireo ary nampijalian' ireo olon-dratsy; ary "vonton' alahelo ny fonay noho ny entamavesany maharary.

49 Tompo ô, "mandra-pahovia-na no hamelanao ity vahoaka ity hizaka ity fampijaliana ity sy ny antsoantson' ireo tsy manantzininy hiakatra eo an-tsofinao ary ny ^brany ho avy hijoro ho vavolombelona eo anoloanao ka tsy hanehoanao ny fijoroanao ho vavolombelony?

50 "Amindrao fo Tompo ô ireo mpihetraketraka mamohetraka izay efa nandroaka ny vahoakanao, mba hahazoany mitsahatra amin' ny fanimbany, mba hahazoany mibebaka amin' ny fahotany, raha mety hisy ny fibebahana;

51 Fa raha tsy mety mibebaka kosa izy, dia ampitanjaho ny sandrinao, Tompo ô, ka "avoty izay notendrenao ho Ziona ho an' ny vahoakanao.

52 Ary raha tsy misy afa-tsy ho

izany no tsy hampandamòka ny foto-kevitra ny vahoakanao, dia enga anie ka hirehitra ny fahatezeranao ary hianjera amin' ny fahaviniranao mba hahazoana mandevona azy ireo, na faka, na sampana etỳ ambanin' ny lanitra;

53 Fa raha toa ka mibebaka izy ireo, dia miantra sy mamindra fo Ianao ka hampihodina ny fisafoakao rehefa mijery ny tavan' ny Voahosotrao.

54 Amindrao fo Tompo ô ny firenena rehetra eto an-tany; amindrao fo ny mpanapaka ny taninay; enga anie ireo fitsipika izay narovan' ny razanay tamin' ny fomba mendrika sy mihaja ireo, dia ny "Lalàm-panorenan' ny taninay izany, hiorina mandrakizay.

55 Tsarovy ny mpanjaka, ny printsy, ny andriana ary ireo olona lehibe amin' ny tany, ary ny vahoaka rehetra, ny fiangonana, ny mahantra rehetra, ny sahirana ary ireo olona mijaly eto an-tany;

56 Mba hahazoana manalefaka ny fony rehefa mivoaka avy ao an-tranonao ireo mpanomponao Jehovah ô, ho vavolombelona manambara ny anaranao; mba hisava eo anoloan' ny "fahamarinana ny hevi-draviny, ary mba hahazoan' ny vahoakanao sitraka eo imason' ny rehetra;

57 Mba hahazoan' ny faran' ny tany rehetra mahafantatra

48a TSM Fangorahana.

49a Sal. 13:1-2.

^b TSM Maritiora.

50a TSM Famindram-po.

51a F&F 100:13; 105:2.

54a 1 Pet. 2:13-15;

F&F 98:5-7; 101:77, 80.

TSM Lalampanore-nana.

56a TSM Fahamarinana.

fa izahay mpanomponao dia efa “nandre ny feonao, ary efa nirahinao izahay;

58 Mba ho avy any anivon’ ireo rehetra ireo no hahazoan’ ireo mpanomponao, ireo zanakalahin’ i Jakoba, manangona ireo marina hanorina ny tanàna masina ho an’ ny anaranao, toy izay efa nandidiana azy ireo.

59 Mangataka Anao izahay hanendry “tsatòka hafa ho an’ i Ziona ankoatra ity anankiray efa voatendrinao ity, mba hahazoan’ ny ^bfanangonana ny vahoakanao mitohy amin’ ny hery lehibe sy ny fahamboniana, mba hahazoana “manafohy ny asanao amim-pahamarinana.

60 Ankehitriny ireo teny ireo Tompo ô dia efa noteneninay teto anoloanao, momba ireo fanambarana sy didy izay efa nomenao anay, izay raisina ho isan’ ny “Jentilisa.

61 Nefa fantatrao fa Ianao dia manam-pitiavana lehibe ho an’ ny zanak’ i Jakoba izay efa naely nandritra ny fotoana ela tany an-tendrombohitra, tamin’ ny andro nandrahona sy maizina.

62 Koa mangataka Anao izahay hamindra fo amin’ ireo zanak’ i Jakoba, ka hanomboka hanavotra an’ i “Jerusalem hatramin’ izao ora izao;

63 Ary ny ziogan’ ny famatorana hanomboka ho tapatapaka hiala amin’ ny tranon’ i “Davida;

64 Ary ireo zanak’ i “Joda hanomboka hiverina amin’ ny ^btany izay nomenao an’ i Abrahamaina rainy.

65 Ary asaovy “miova avy amin’ ny toetrany dia sy lozabe ho amin’ ny fahafenoan’ ny filazantsara maharitra mandrakizay ny ^bsisavavala amin’ ny taranak’ i Jakoba, izay efa voaozona sy voakapoka noho ny fandikan-dalany;

66 Mba hahazoany mametraka ny fiadian’ ny fandatsahandran’ ary mampitsahatra ny fikomian’.

67 Ary enga anie ny sisa tavela amin’ ny taranak’ i “Isiraely miparitaka rehetra, izay efa noroahina hatrany am-paran’ ny tany, ka ho tonga amin’ ny fahalalana ny fahamarinana, hino ny Mesia ary havotana amin’ ny fahoriana sy hiravoravo eo anoloanao.

68 Tompo ô, tsarovy i Joseph Smith zanany mpanomponao mbamin’ ny fijaliany rehetra sy ny fanenjehana azy — fa efa nanao “fanekepihavanana tamin’ i ^bJehovah izy ary nivoady Tamin’ ry Andriamanitra Maherin’ i Jakoba — sy ny didy izay

57a F&F 20:16; 76:22–24.

59a Isa. 54:2.

^b TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

^d Mat. 24:22.

60a 1 Ne. 13:1–32; 15:13–18.

62a 3 Ne. 20:29.

TSM Jerosalema.

63a TSM Davida.

64a Zak. 12:6–9; Mal. 3:4; F&F 133:13, 35.

TSM Joda.

^b Gen. 17:1–8.

TSM Tany Nampantanaina.

65a 2 Ne. 30:6;

3 Ne. 21:20–22.

TSM Fiovam-po.

^b 2 Ne. 30:3;

Almà 46:23–24;

3 Ne. 20:15–21;

F&F 19:27.

67a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

68a TSM Fanekepihavanana.

^b TSM Jehovah.

efa nomenao azy, ary niezahany marina tokoa ny hanao ny sitraponao.

69 Amindrao fo, Tompo ô, ny vady aman-janany, mba ho azo hasandratra eo anatrehanao izy ireo ary harovan' ny tanampamelomanao.

70 Amindrao fo ireo havany "akaiky rehetra, mba ho azo ravana toy ny faohin' ny riaka ny hevi-draviny; mba hahazoany miova fo ary ho azo avotana miaraka amin' ny Isiraely ary hahafantatra fa Ianao no Andriamanitra.

71 Tsarovy Tompo ô ireo filoha, dia ireo filoha rehetra ao amin' ny fiangonanao, mba hahazoan' ny tananao ankavanana manandratra azy ireo miaraka amin' ny fianakaviany rehetra sy ireo havany akaiky, mba hahatonga ny anarany haharitry sy hotsarovana mandrakizay amin' ireo taranaka fara aman-dimby.

72 Tsarovy ny fiangonanao rehetra, Tompo ô, mbamin' ny fianakaviany rehetra sy ny havany akaiky rehetra, mbamin' ny marariny rehetra sy ireo havany mijaly, mbamin' ny mahantra rehetra sy ny malemy fanahy eo amin' ny tany; ka ilay "fanjakana izay efa naorinao tsy tamin' ny tanana dia ho tonga tendrombohitra lehibe ary hameno ny tany manontolo;

73 Mba hahazoan' ny fiangonanao mivoaka avy ao an-tany foanan' ny haizina ary mamirapiratra, meva toy ny "volana, mazava toy ny masoandro ary mahatahotra toy ny antokon-tafika mitondra faneva;

74 Ary ho toy ny ampakarina efa mihaingo ho amin' ilay andro izay hanesoranao ny voalin' ny lanitra ka mahatonga ny tendrombohitra "hiempo eo anatrehanao, ary ny ^blohasaha hisandratra, ny toerana mikitoatoana ho marina; mba hahazoan' ny voninahitrao mameno ny tany;

75 Ka rehefa haneno ho an' ireo nodimandry ny trompetra, dia ho azo "akarina eny amin' ny rahona izahay hitsena anao, mba hahazoanay miaraka amin' ny Tompo mandrakizay;

76 Mba ho madio ny fitafianay, mba hiakanjo ny "akanjon' ny fahamarinana izahay sady hitana eny an-tananay ny sampan-drofia, ary eo an-dohanay ny ^bsatroboninahitra, ary hijinja ny ^dfifaliana mandrakizay noho ny ^efahorianay rehetra.

77 Tompo Andriamanitra Tsi-toha ô, henoy izahay amin' ireo fangatahanay ireo ary valio avy any an-danitra, fonenanao masina, izay itoeranao amin' ny seza fiandriananao miaraka amin' ny "voninahitra, ny laza, ny hery, ny fahamboniana, ny tanjaka, ny fanapahana, ny fahamarina-

70a IE Havana akaiky.

72a Dan. 2:44–45;

F&F 65:2.

73a Ton. 6:10;

F&F 5:14; 105:31.

74a F&F 133:21–22, 40.

b Isa. 40:4;

Lio. 3:5;

F&F 49:23.

75a 1 Tes. 4:17.

76a Fan. 7:13–15;

2 Ne. 9:14.

b TSM Satroboninahitra;

Fisandratana.

d TSM Fifaliana.

e Heb. 12:1–11;

F&F 58:4.

77a TSM Voninahitra.

na, ny fahitsiana, ny fitsarana, ny famindram-po, ny fahafe-noana tsisy fetra, hatrizay ka haharitra mandrakizay.

78 Ô henoy, ô henoy, ô henoy izahay Tompo ô! Dia valio ireo fangatahanay ary ekeo ny fanoloranay ity trano ity ho Anao, asan' ny tananay, izay efa no-rinay ho an' ny anaranao;

79 Ary koa ity fiangonana ity, mba hametrahanao ny anaranao eo aminy. Ary ampio amin'

ny herin' ny Fanahinao izahay hahazoanay mampifangaro ny feonay amin' ny an' ireo "serafima mampirapiratra sy manje-lanjelatra manodidina ny seza fiandriananao miaraka amin' ny hobim-piderana ka mihira hoe: Hôsanà ho an' Andriama-nitra sy ny ^bZanakondry!

80 Ary aoka ireo voahosotrao ireo "hotafiana famonjena, ary ny olomasinao hihiaka mafy ho fifaliana. Amena dia amena.

FIZARANA 110

Fahitana naseho an' i Joseph Smith Mpaminany sy i Oliver Cowdery tao amin' ny tempolin' i Kirtland, Ohio, ny 3 Aprily 1836 (History of the Church, 2:435–436). Fivorian' ny andro sabata tamin' izay. Iza no teny nosoratan' ny Mpaminany ho sasin-tenin' ny rakitsorany momba ireo fisehoan-javatra: "Tamin' ny tolakandro, dia nanampy ireo filoha hafa nizara ny Fanasan' ny Tompo ho an' ny mpikambana amin' ny Fiangonana aho, rehefa avy nandray izany tamin' ny Roambinifololahy, izay tombontsoany amin' ity andro ity ny mitantana eo amin' ny latabatra masina. Rehefa avy nanatontosa ity fanompoana ho an' ny rahalahiko ity aho dia nisintona nankenany amin' ny polipitra, ka nony efa tafidina ny efitra lamba, dia niara-niankohoka tamin' i Oliver Cowdery tamina vavaka mangina sy masina ny tenako. Rehefa nitsangana avy nivavaka izahay, dia nosokafana ho anay izao fahitana manaraka izao" (History of the Church, 2:435).

1–10, Niseho tamin' ny voninahitra i Jehovah Tompo ary nanaiky ny Tempolin' i Kirtland ho trano-ny; 11–12, Samy niseho tsirairay i Mosesy sy i Elià ary nanolotra ny fanalahidiny sy ny fotoampitantanany; 13–16, Niverina i Elia ary nanolotra ny fanalahidin' ny fotoampitantanany araka ny nampanantenan' i Malakia.

NESORINA hiala ny sainay ny "voaly ary nosokafana ny ^bmason' ny fahatakarany.

2 Nahita ny Tompo nijoro teo ambonin' ny arofanin' ny polipitra teo anoloany izahay; ary teo ambany tongony ny lalam-bato volamena tsy nisy fangarony, ka ny lokony dia tahaka ny ambira.

3 Ny "masony dia tahaka ny

79a Isa. 6:1–2.

b TSM Zanakondrin' Andriamanitra.

80a Sal. 132:16.

110 1a TSM Voaly.

b F&F 76:12, 19; 136:32;

138:11.

3a Fan. 1:14.

lelafo; ny volon-dohany dia fotsy tahaka ny orampanala tsy misy fangarony; ny ^btarehiny dia manjelanjelatra mihoatra noho ny famirapiratra ny masoandro; ary ny ^dfeony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be, dia ny feon' i 'Jehovah manao hoe:

4 Izaho no ^avoalohany sy farany; Izaho no Ilay ^bvelona; Izaho no Ilay efa novonoina; Izaho no ^dmpisolovava anareo ao amin' ny Ray.

5 Indro, ^avoavela ny fahotana-reo; madio ianareo eo anoloako; koa andrandrao ny lohanareo ary mifalia.

6 Aoka ny fon' ny rahalahinareo hifaly, ary aoka ny fon' ny vahoakako rehetra hifaly, ny vahoakako izay efa ^ananorina ity trano ity tamin' ny heriny ho an' ny anarako.

7 Fa indro efa ^anekeko ity ^btrano ity ary ho eto ny anarako; ary Izaho haneho ny tenako amin' ny vahoakako amin' ny famindram-po, ao amin' ity trano ity.

8 Eny, Izaho ^ahiseho amin' ireo mpanompoko sy hiteny aminy amin' ny feoko ihany, raha mitandrana ny didiko ny vahoakako ary tsy ^bmandoto ity ^dtrano masina ity.

9 Eny, ny fon' ny an' arivony sy ny an' alina dia hifaly fatratra tokoa noho ny ^afitahiana izay harotsaka sy ny ^bfanafiana masina izay efa nanafiana ny mpanompoko tao amin' ity trano ity.

10 Ary hiely any an-tany hafa ny lazan' ity trano ity; ary izany no fiandohan' ny fitahiana izay ^aharotsaka eo ambonin' ny lohan' ny vahoakako. Izany tokoa. Amena.

11 Rehefa nikatona izany ^afahitana izany, dia nosokafana taminay indray ny lanitra; dia niseho teo anoloanay i ^bMosesy ary nanolotra anay ny ^dfanalahidin' ny ^efanangonana an' i Isiraely avy any amin' ny vazantany efatra sy ny fitarihana ny firenena folo avy any amin' ny tany ^favaratra.

12 Rehefa izany dia niseho i ^aElià ary nanolotra ny ^bfotoampitantanan' ny ^cfilazantsaran' i Abrahama sady nilaza fa ao aminay sy ny taranakay no hitahiana ny fara aman-dimby rehetra.

13 Rehefa nikatona izany fahitana izany dia fahitana iray hafa, lehibe sady be voninahitra no nipoitra taminay; fa nijoro

3b Fan. 1:16; JS—T 1:17.
d Ezek. 43:2; Fan. 1:15;
F&F 133:21–22.
e TSM Jehovah.
4a TSM Lahimatoa.
b Deot. 5:24.
d TSM Mpisolovava.
5a TSM Mamelà.
6a F&F 109:4–5.
7a 2 Tan. 7:16.
b TSM Tempoly,
Tranon' ny Tompo.
8a F&F 50:45.

b F&F 97:15–17.
d TSM Masina.
9a Gen. 12:1–3;
F&F 39:15; Abr. 2:8–11.
b F&F 95:8.
TSM Fanafiana
Masina.
10a F&F 105:12.
11a TSM Fahitana.
b Mat. 17:3.
d TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.
e Jakôba 6:2; F&F 29:7.

TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.
f F&F 133:26–32.
TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'
ny Isiraely.
12a TSM Elià.
b TSM Fotoampitanta-
nana.
d Gal. 3:6–29.
TSM Fanekepiahava-
nan' i Abrahama.

teo anoloanay i “Elia mpamina-
ny izay ^bnalaina ho any an-
danitra ka tsy nanandrana fa-
hafatesana ary nanao hoe:

14 Indro, efa migadona tante-
raka ny fotoana izay efa note-
nenin’ ny vavan’ i Malakia—
sady nijoroany ho vavolombe-
lona fa izy [i Elia] dia hirahina
mialohan’ ny hahatongavan’ ny
andron’ ny Tompo, ilay lehibe
sy mahatahotra—

15 Mba “hampody ny fon’ ny
ray ho amin’ ny zanaka ary ny
fon’ ny zanaka ho amin’ ny ray,
fandrao hasiana amin’ ny ozo-
na ny tany—

16 Koa atolotro ho eo an-tana-
nareo ny fanalahidin’ ity fo-
toampitantanana ity; ary izany
no ahafantaranareo fa ny “an-
dron’ ny Tompo, ilay lehibe sy
mahatahotra, dia efa akaiky,
mby eo am-baravarana aza.

FIZARANA 111

Fanambarana nomena tamin’ ny alalan’ i Joseph Smith Mpaminany tao Salem, Massachusetts, ny 6 Aogositra 1836 (History of the Church, 2:465–466). Nidiran-trosa mavesatra ireo mpitondra ny Fiangonana tamin’ io fotoana io noho ireo raharahany tao amin’ ny asa fanompoana. Noho ny fandrenesana fa betsaka ny vola ho azon’ izy ireo any Salema, dia niainga avy tao Kirtland, Ohio, ny Mpaminany, i Sidney Rigdon, i Hyrum Smith ary i Oliver Cowdery ka nandeha nankany hanadihady io filazana io sady hitory ny filazantsara. Namita raharaham-piangonana maro ireo rahalahy ary nanao asa fitoriana bebe ihany. Rehefa hita niharihary fa tsy hisy vola ho azo, dia niverina tany Kirtland izy ireo. Hita taratra eo amin’ ny fomba filazana ity fanambarana ity ny maro tamin’ ireo lafiny nisongadina teo amin’ ny ara-tantara.

1–5, Ny Tompo no mikarakara izay
ilain’ ireo mpanompony eo amin’
ny fiainany; 6–11, Hitondra an’ i
Ziona amin’ ny famindram-po Izy
ary handrindra ny zava-drehetra ho
tombontsoan’ ireo mpanompony.

IZAHO, Tompo Andriamani-
trareo dia tsy sosotra amin’
ny nanaovanareo ity dia ity na
dia eo aza ny hadalanareo.

2 Izaho dia manana rakitsoa
betsaka ao amin’ ity tanàna ity
ho anareo, ho tombotsoan’ i

Ziona sy ny olona maro ao
amin’ ity tanàna ity, izay hango-
niko amin’ ny alalanareo amin’
ny fotoana mahamety izany ho
tombotsoan’ i Ziona.

3 Koa ilaina ny tokony hifan-
kalalanareo amin’ ny olona ao
amin’ ity tanàna ity, araka izay
hitarihana anareo sy araka izay
homena anareo.

4 Ary ny zavatra hitranga,
amin’ ny fotoana mahamety
izany, dia hatolotro ho eo an-
tanalanareo ity tanàna ity ka

13a TSM Elia.
b TSM Olona Novana.
15a JS—T 1:38–39.

TSM Tetiarana;
Famonjena ho an’
ny Maty.

16a TSM Andro Farany.

hanan-kery aminy ianareo hany ka tsy ho hitany ny drafitra miafinareo; ary ny haren'ny mikasika ny volamena sy ny volafotsy dia ho anareo.

5 Aza manahy ny amin' ny "trosanareo fa homeko hery handoavana izany ianareo.

6 Aza manahy ny amin' ny i Ziona fa hoentiko amin' ny famindram-po izy.

7 Mitoera eo amin' ity toerana ity sy eo amin' ny faritra manodidina;

8 Ary ny toerana izay sitrako hitoeranareo indrindra dia ham-pafantarina anareo amin' ny alalan' ny "fiadanako sy ny he-

rin' ny Fanahiko izay hikorianana ao anatinareo.

9 Ity toerana ity dia mety ho azonareo amin' ny alalan' ny fanofàna. Ary hadihadiho fattratra tokoa ny momba ireo mponina tranainy kokoa sady mpanorina ity tanàna ity.

10 Fa misy rakitsoa mihoatra ny anankiray ao amin' ity tanàna ity ho anareo.

11 Koa "hendry tahaka ny menarana ianareo kanefa tsy misy fahotana; dia harindrako ny zavatra rehetra ho ^btombontsoanareo, haingana araka izay ahaizanareo mandray azy ireny. Amena.

FIZARANA 112

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ho an' i Thomas B. Marsh tao Kirtland, Ohio, ny 23 Jolay 1837 (History of the Church, 2:499–501). Mirakitra ny tenin' ny Tompo ho an' i Thomas B. Marsh momba ny Apostoly Roa ambin' ny folon' ny Zanakondry ity fanambarana ity. Nosoratan' ny mpaminany fa ity fanambarana ity dia noraizina ny andro nitoriana voalohany ny filazantsara tany Angletera. Thomas B. Marsh no Filohan' ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo tamin' izay fotoana izay.

1–10, Ny Roambinifololahy dia tokony handefa ny filazantsara sy hanandratra ny feon' ny fampitandremana amin' ny firenena sy ny vahoaka rehetra; 11–15, Tokony hitondra ny hazofijaliany izy ireo ary hanaraka an' i Jesoa Kristy sy hamahana ny ondriny; 16–20, Ireo izay mandray ny Fiadidiana Voalohany dia mandray ny Tompo; 21–29, Mandrakotra ny tany ny haizina ary ireo izay mino sy hatao

batista ihany no hovonjena; 30–34, Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy no mihazona ireo fanalahidin' ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminao ry Thomas mpanompoko: Efa nandre ny fivavakao Aho; ary ny fanampianao dia efa tafakatra ho "fampahatsiahivana eo

111 5a F&F 64:27–29.
8a F&F 27:16.
TSM Fiadanana.

11a Mat. 10:16.
b Roma. 8:28;
F&F 90:24; 100:15.

112 1a Asa 10:4.

anoloako amin' ny anaran' ireo rahalahinao izay efa nofinidy sy natokana tamin' ny alalan' ireo mpanompoko, mba ho vavolombelona manambara ny anarako ary ^bhandefa izany any ivelany, any anivon' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra.

2 Lazaiko anareo marina tokoa, fa nisy ihany zavatra vitsivitsy tao am-ponao sy taminao izay tsy nankasitrahako.

3 Kanefa, noho ianao efa "nandry ny tenanao, dia hasandratra ianao; koa voavela ny fahotanao rehetra.

4 Aoka "hatoky eo anoloan' ny tavako ny fonao; ary ianao dia ho vavolombelona manambara ny anarako, tsy amin' ny ^bJentilisa ihany fa amin' ny "Jiosy koa; ary handefa ny teniko hatrany am-paran' ny tany ianao.

5 Koa "mifandahara isa-maraina isa-maraina; ary isan' andro isan' andro, dia aoka hivoaka ny ^bfeo fampitandremanao; ary rehefa tonga ny alina, dia aza avela hatory ny mponin' ny tany noho ny lahateninao.

6 Aoka hampahafantarina ao i Ziona ny fonenanao ary aza "afindra ny tranonao; fa Izaho Tompo dia manana asa lehibe hataonao, amin' ny fitoriana ny anarako eo anivon' ny zanak' olombelona.

7 Koa "sikino ho amin' ny asa ny valahinao. Aoka hikiraro koa ny tongotrao fa efa voafidy ianao, ary ny lalanao dia handalo any anivon' ny tendrom-bohitra sy any anivon' ny firenena maro.

8 Ary noho ny teninao, dia olona manandra-tena maro no "haetry, ary noho ny teninao, dia olona manetry tena maro no hasandratra.

9 Ny feonao dia ho fananarana ho an' ny mpandika lalana; ary amin' ny fananaranao no aoka hampitsaharan' ny lelan' ny mpanendrikendrika ny faharatsiany.

10 Aoka ianao "hanetry tena; ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin' ny tanana sy hanome anao ny valin' ny fivavakao.

11 Fantatro ny fonao ary efa reko ny fivavakao ho an' ny rahalahinao. Aza iangarana izy ireo ka "hotiavina mihoatra noho ireo hafa, fa aoka ny fitiavanao azy ireo ho tahaka ny fitiavanao ny tenanao; ary aoka ny fitiavanao hitosaka amin' ny olon-drehetra sy amin' ireo rehetra izay tia ny anarako.

12 Ary mivavaha ho an' ireo rahalahinao ao amin' ny Roambinifololahy. Ampitandremono mafy tokoa izy ireo noho ny anarako, ary aoka hanarina izy ireo noho ny fahotany rehetra,

1b F&F 18:28.
3a Mat. 23:12;
Lio. 14:11.
4a Mat. 9:2;
Jao. 16:33.
b F&F 18:6; 90:8-9.

d F&F 19:27.
5a Joda 1:3.
b F&F 1:4-5.
6a Sal. 125:1.
7a Ef. 6:13-17.
8a TSM Fanetren-tena.

10a Ohab. 18:12.
11a Mat. 5:43-48.
TSM Fiantrana;
Fitiavana.

ary aoka ianao ho mahatoky eo anoloako amin' ny "anarako.

13 Ary aorian' ny "fakana fanahy azy ireo sy ny ^bfahorianany be, dia indro, Izaho Tompo no hitady azy ireo, ary raha tsy manamafy ny fony izy ireo ary tsy manenjana ny hatony Amiko dia "hovana fo ary hositrany.

14 Ankehitriny dia lazaiko aminao ary izay lazaiko aminao dia lazaiko amin' ny Roambinifololahy rehetra: Mitsangàna dia sikino ny valahanareo, alaovy ny "hazofijalianareo, manaraha Ahy ary ^bfahano ny ondriko.

15 Aza manandratra ny tenanareo; aza "mikomy amin' i Joseph mpanompoko, fa lazaiko aminareo marina tokoa, momba azy Aho ary ho eo aminy ny tanako; ary ireo ^bfanalahidy izay efa nomeko azy, ary anareo koa, dia tsy hoesorina aminy mandra-piveriko.

16 Lazaiko aminao marina tokoa ry Thomas mpanompoko, ianao no lehilahy izay efa nofinidiko hihazona ireo fanalahidin' ny fanjakako, momba ny Roambinifololahy, any ivelany, anivon' ny firenena rehetra —

17 Mba ianao no ho mpanompoko hamoha ny varavaran' ny fanjakako amin' ny toerana rehetra izay tsy hahatongavan' i Joseph mpanompoko sy i

"Sidney mpanompoko ary i ^bHyrum mpanompoko;

18 Fa tamin' izy ireo no name-trahako ny enta-mavesatry ny fiangonana rehetra mandritra ny fotoana fohy.

19 Koa na aiza na aiza no hani-rahany anao, dia mandehana ianao ary momba anao Aho; ary na inona na inona toerana hitorianao ny anarako, dia varavarana "mahomby no hovohana ho anao mba hahazoany mandray ny teniko.

20 Na zovy na zovy no "mandray ny teniko dia mandray Ahy, ary na zovy na zovy mandray Ahy dia mandray ireo ao amin' ny Fiadidiana Voalohany izay efa nirahako, izay efa nataoko ho mpanolotsaina ho anareo amin' ny anarako.

21 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no hirahinareo amin' ny anarako, amin' ny alalan' ny feon' ny rahalahinareo, ny "Roambinifololahy, feperanareo sy nomenareo ^bfahefana ara-dalana, dia hanan-kery hanokatra ny varavaran' ny fanjakako ho an' ny firenena rehetra izay hanirahanareo azy —

22 Araka izay hanetreny tena eo anoloako sy hitoerany eo amin' ny teniko ary "hihainoany ny feon' ny Fanahiko.

12a TSM Jesoa Kristy — Fitondrantsika eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

13a TSM Fakam-panahy.
b Jao. 16:33;
Fan. 7:13–14;
F&F 58:3–4.
d 3 Ne. 18:32.

TSM Fiovam-po.
14a Mat. 16:24.
DJS, Mat. 16:25–26;
Lio. 9:23.
b Jao. 21:15–17.
15a TSM Fikomiana.
b F&F 28:7.
TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

17a TSM Rigdon, Sidney.
b TSM Smith, Hyrum.
19a 2 Tan. 16:9;
F&F 118:3.
20a F&F 84:35–38.
21a F&F 107:34–35.
b TSM Fahefana.
22a TSM Mihaino;
Mankato.

23 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ny ^ahaizina mandrakotra ny tany, ary haizina matevina no mandrakotra ny sain' ny olona, ary efa nanjary ^bratsy ny nofo rehetra eo anoloako.

24 Indro, avy faingana tokoa amin' ny mponin' ny tany ny ^afamaliana, ny andron' ny fisafoahana, ny andron' ny fandroana, ny andron' ny faharavana, ny an' ny ^bfitomaniana, ny an' ny fidradradradrana, ny an' ny fitarainana; ary toy ny tadio no hahatongavan' izany eran' ny tany manontolo, hoy ny Tompo.

25 Ary eo amin' ny tranoko no ^ahanombohan' izany, ary avy amin' ny tranoko no handehanan' izany, hoy ny Tompo;

26 Amin' ireo izay eo anivonareo aloha, hoy ny Tompo, ireo izay efa ^anilaza ho mahafantatra ny anarako ary tsy ^bnahafantatra Ahy sy efa ^dnanevateva Ahy teo afovoan' ny tranoko, hoy ny Tompo.

27 Koa ataovy izay tsy hana-hian' ny tenanareo ny amin' ny raharahan' ny fiangonako eto amin' ity toerana ity, hoy ny Tompo.

28 Fa ^adiovy eo anoloako ny

fonareo; ary rehefa izany dia ^bmandehana ianareo eran' izao tontolo izao, ary mitoria ny filazantsarako amin' ny mananaina rehetra izay tsy nandray izany;

29 Ary izay ^amino sy ^bhatao batisa no hovonjena, ary izay tsy mino sy tsy hatao batisa no ^dhohelohina.

30 Fa ianareo ^aRoambinifololahy sy ireo ao amin' ny ^bFiadidiana Voalohany, izay tendrena miaraka aminareo ho mpanolotsaina sy ho mpitondra anareo, no omena ny herin' ity fisoronana ity, ho an' ny andro farany sy ho an' ny fotoana farany izay ao amin' ny ^dfitantanana' ny fotoampahafenoana.

31 Dia fahefana izay hazoninareo miaraka amin' ireo rehetra izay efa nandray fotoampitantanana, na inona na inona izany fotoana izany, hatramin' ny fiandohan' ny fahariana;

32 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, ireo ^afanalahidin' ny fotoampitantanana izay efa noraisinareo, dia ^bnidina avy tamin' ireo ray ary nalefa farany indrindra avy any an-danitra ho anareo.

33 Lazaiko aminareo marina tokoa, indro, lehibe ny antso

23a Isa. 60:2; Mika 3:6;
F&F 38:11.
TSM Apôstazia—
Apôstazian' ny
fiangonana Kristiana
tany am-piandohana.
b F&F 10:20–23.
24a TSM Valifaty.
b F&F 124:8.
25a 1 Pet. 4:17–18.
26a Mat. 7:21–23;

F&F 41:1; 56:1.
b Lio. 6:46;
Môsià 26:24–27;
3 Ne. 14:21–23.
d TSM Manevateva.
28a TSM Madio.
b Mar. 16:15–16.
29a Môrm. 9:22–23;
F&F 20:25–26.
b TSM Batisa.
d TSM Fahamelohana.

30a TSM Apostoly.
b TSM Fiadidiana
Voalohany.
d Ef. 1:10;
F&F 27:13; 124:40–42.
TSM Fotoampitanta-
nana.
32a F&F 110:11–16.
TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.
b Abr. 1:2–3.

anananareo. “Diovy ny fonareo sy ny fitafianareo, fandrao ^bhotakiana eo an-tananareo ny ran’ ity taranaka ity.

34 Aoka ho mahatoky mandra-

piaviko fa “avy faingana Aho; ary miaraka Amiko ny valisoa-ko mba homena valisoa araka ny ^basany ny olon-drehetra. Iza-ho no Alfa sy Ômega. Amena.

FIZARANA 113

Valin’ ireo fanontaniana sasany, momba ny asa soratr’ i Isaia, nomen’ i Joseph Smith Mpaminany, ny volana Martsa 1838 (History of the Church, 3:9–10).

1–6, *Fampahafantarana ny vatan’ i Jese, ny solofo mitsimoka avy ao ary ny fakan’ i Jese*; 7–10, *Ireo sisa tavela amin’ i Ziona naely dia manana zo amin’ ny fisoronana ary antsoina hiverina amin’ ny Tompo.*

IZA no vatan’ i “Jese voalaza Iao amin’ ny andininy faha-1, 2, 3, 4 ary faha-5 ao amin’ i Isaia toko faha-11?

2 Toy izao marina tokoa no lazain’ i Tompo: I Kristy izany.

3 Inona ilay solofo voalaza ao amin’ ny andininy voalohany ao amin’ i Isaia toko faha-11, izay hivoaka avy ao amin’ ny vatan’ i Jese?

4 Indro, toy izao no lazain’ ny Tompo: Izany dia mpanompo-ko eo an-tanan’ i Kristy, izay tamingan’ i Jese ary koa “Efraïma ny ampahany, na avy amin’ ny tranon’ i Josefa izay ametr-hana ^bhery lehibe.

5 Inona no fakan’ i Jese voalaza

ao amin’ ny andininy faha-10 amin’ ny toko faha-11?

6 Indro, toy izao no lazain’ ny Tompo: izany dia tamingan’ i Jese, ary koa an’ i Josefa izay manan-jo ara-dalana amin’ ny fisoronana sy ireo “fanalahidin’ ny fanjakana, ho ^bfaneva sy ho ^dfanangonana ny vahoakako amin’ ny andro farany.

7 Fanontaniana nataon’ i Elias Higbee: Inona no tian-kolazaina amin’ ny didy ao amin’ i Isaia faha-52 andininy voalohany, izay manao hoe: Tafio ny tanjakao ry Ziona ô—ary iza no vahoaka tondroin’ i Isaia eto?

8 Ny tondroiny eto dia ireo izay hantsoin’ Andriamanitra amin’ ny andro farany, izay hihazona ny herin’ ny fisoronana hampodiana indray an’ i “Ziona, ary ny fanavotana an’ i Isiraely; ary ny hoe mitafy ny ^btanjany dia ny mitafy ny fahefan’ ny fisoronana izay ananany, izy Ziona, ^dzo noho ny firaza-

33a Jakôba 1:19.

^b F&F 72:3.

34a Fan. 22:7, 12;

F&F 49:28; 54:10.

^b TSM Asa.

113 1a TSM Jese.

4a Gen. 41:50–52;

F&F 133:30–34.

TSM Efraïma.

^b TSM Hery.

6a TSM Fanalahidin’ ny Fisoronana.

^b F&F 45:9.

TSM Faneva.

^d TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

8a TSM Ziona.

^b F&F 82:14.

^d TSM Fizokiana.

nany; ary miverina ihany koa amin' izany hery izany izay efa nariany.

9 Inona no hevitra ny hoe famahan' i Ziona ny fatorana amin' ny tendany, eo amin' ny andininy faha-2?

10 Tokony hazava amintsika fa ireo "sisavavala sady naely patrana dia entanina ^bhiverina amin' ny Tompo, izay teo Ami-

ny no efa lavo izy ireo; ary raha ataony izany, dia izao no fampanantenan' ny Tompo: Izy dia hiteny aminy na hanome azy ireo fanambarana. Jereo ny andininy faha-6, faha-7, faha-8. Ny fatorana amin' ny tendany dia ireo ozon' Andriamanitra tamin' ny tamin' ireo sisavavala amin' i Isiraely, ao amin' ny fielezany any anivon' ny Jentilisa.

FIZARANA 114

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 17 Aprily 1838 (History of the Church, 3:23).

1–2, Ireo andraikitra ao am-piangonana notanan' ireo izay tsy mahatoky dia homena ny hafa.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: Fahendrena ao amin' i David W. Patten mpanompoko ny mandamina haingana araka izay tratra ny raharahany rehetra, ny manafoana ny enta-barony, hahazoa ny miaraka amin' ny hafa, dia roa ambin' ny folo mbamin' ny

tenany, ny manefa asa fitoriana ho Ahy amin' ny lohataona ho avy, mba ho vavolombelona manambara ny anarako sy hitondra vaovao mahafaly manerana izao tontolo izao.

2 Fa toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: raha misy eo anivonareo mandà ny anarako dia "hapetraka eo amin' ny ^btoerany ny hafa ary handray ny episkopàny. Amena.

FIZARANA 115

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 26 Aprily 1838, mampahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra momba ny fananganana io toerana io sy ny tranon' ny Tompo (History of the Church, 3:23–25). Ity fanambarana ity dia mivantana amin' ireo mpitarika mpiahy ao amin' ny Fiangonana.

1–4, Nataon' ny Tompo hoe Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny

Fiangonany; 5–6, Toerana sy fialofana ho an' ny Olomasina i Ziona sy ireo tsatòkany; 7–16, Nodidina

10a TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

b Hosea 3:4–5;
2 Ne. 6:11.
114 2a F&F 118:1, 6.

b F&F 64:40.

ny Olomasina hanangana ny tranon' ny Tompo tao Far West; 17–19, Joseph Smith no mihazona ireo fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminao ry "Joseph Smith zanany mpanompoko, ary koa ry ^bSidney Rigdon mpanompoko, ary koa ry ^dHyrum Smith mpanompoko sy ireo mpanolotsainao izay tendrena sy hotendrena rahatrizay;

2 Ary aminao koa ry "Edward Partridge mpanompoko sy ny mpanolotsainy;

3 Ary koa amin' ireo mpanompoko mahatoky izay ao amin' ny filankevitra avon' ny fiangonako ao i Ziona, satria toy izany no hiantsoana azy, ary amin' ireo loholona rehetra sy vahoakan' ny fiangonako, Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, miely patrana any ivelany, manerana izao tontolo izao;

4 Satria toy izany no "hiantsoana ny fiangonako amin' ny andro farany, dia ^bNy Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

5 Lazaiko marina tokoa aminareo rehetra: "Mitsangàna ary

mamirapirata mba hahatonga ny fahazavanao ho ^bfaneva ho an' ireo firenena;

6 Ary mba hahatonga ny "fiaraha-mivondrona eo amin' ny tanin' i ^bZiona sy eo amin' ny ^dtsatòkany ho fiarovana sy ho ^efialofana amin' ny tafio-drivotra sy amin' ny fisafoahana, rehefa ^fhaidina tsy misy fangarony amin' ny tany manontolo izany.

7 Aoka ny tanànan' i Far West ho tany masina sy ho voatokana ho Ahy; ary hatao hoe masina indrindra izany, satria "masina ny tany izay ijoroanao.

8 Koa mandidy anareo Aho "hanangana trano ho Ahy ho fanangonana miaraka ny olomasiko, mba hahazoany ^bmidera Ahy.

9 Ary aoka ny fiatombohan' ny asa sy ny fototra ary ny asa fanomanana hatao amin' ity fahavaratra manaraka ity;

10 Ary aoka ny fiatombohany hatao amin' ny andro fahefatra ny volana Jolay manaraka; ary hatramin' io fotoana io, dia aoka ny vahoakako hiasa fatratra hanangana trano ho an' ny anarako;

11 Ary amin' ny "herintaona, hatramin' io andro io, dia aoka izy ireo hamerina indray ny

115 1a TSM Smith, Joseph, zanany

b TSM Rigdon, Sidney.

d TSM Smith, Hyrum.

2a TSM Partridge, Edward.

4a 3 Ne. 27:4–8.

b TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny

Andro Farany, Ny.

5a Isa. 60:1–3.

b Isa. 11:12.

TSM Faneva.

6a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b TSM Ziona.

d F&F 101:21.

TSM Tsaòka.

e Isa. 25:1, 4;

F&F 45:66–71.

f Fan. 14:10;

F&F 1:13–14.

7a TSM Masina.

8a F&F 88:119; 95:8.

b TSM Fitsaohana.

11a F&F 118:5.

fundatsahana ny fototry ny ^btranoko.

12 Koa aoka izy ireo hiasa fatratra tokoa toy izany hatramin' io fotoana io mandra-pahavitany, hatrany amin' ny vato fehizorony ka hatrany amin' ny tapenany, hatrany amin' izay tsy hisian' ny zavatra tavela ka tsy vita.

13 Lazaiko aminareo marina tokoa, aza avela hidi-trosa intsony na i Joseph mpanompoko, na i Sidney mpanompoko, na i Hyrum mpanompoko, ho fananganana ny trano ho an' ny anarako;

14 Fa aoka kosa hatsangana ny trano ho an' ny anarako, araka ny "toromarika izay hasehoko azy ireo.

15 Ary raha tsy manangana izany araka ny toromarika izay hasehoko ny filohany ny vahoakako, dia tsy hoekeko avy amin' ny tanany izany.

16 Nefa raha manangana izany araka ny toromarika izay hasehoko ny filohany, dia i Joseph mpanompoko sy ny mpanolotsainy, ny vahoakako, dia hoekeko avy eo an- tanan' ny vahoakako izany.

17 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, sitrapoko ny hananganana ny tanànan' i Far West faingana tokoa amin' ny alalan' ny fanangonana ny olomasiko;

18 Ary koa ny hanendrena ireo toerana hafa ho "tsatòka eo amin' ny faritra manodidina, araka izay hanehoana azy ireny ombieny ombieny amin' i Joseph mpanompoko.

19 Fa indro, homba azy Aho ary hohamasiniko eo anoloan' ny vahoaka izy; fa izy no efa nomeko ireo "fanalahidin' ity fanjakana sy asa fanompoana ity. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 116

Fanambarana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany teo akaikin' i Wight's Ferry, teo amin' ny toerana atao hoe Spring Hill, Fivondronan' i Daviess, Missouri, ny 19 Mey 1838 (History of the Church, 3:35).

SPRING Hill no ataon' ny Tompo hoe "Adama-ondia-Amàna, satria, hoy Izy, izany no toerana izay hahatongavan'

i 'Adama hamangy ny vahoakany, na hitoeran' ilay "Fahagolan' ny Andro, araka ny tenenin' i Daniela mpaminany.

11b F&F 124:45–54.

14a Heb. 8:5;

F&F 97:10.

18a F&F 101:21.

TSM Tsatòka.

19a TSM Fanalahidin' ny

Fisoronana.

116 1a F&F 78:15.

TSM Adama-Ondia-Amàna.

b TSM Adama.

d Dan. 7:13–14, 22.

FIZARANA 117

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 8 Jolay 1838, momba ny andraikitra mivantana an' i William Marks, i Newel K. Whitney ary i Oliver Granger (History of the Church, 3:45-46).

1-9, Tsy tokony hitsiriritra ny zavatr' izao fiainana izao ireo mpanompon' ny Tompo, fa "inona moa ny fananana amin' ny Tompo?"; 10-16, Tokony hahafoy ny fahakelezan' ny fanahiny izy ireo, dia ho masina amin' ny Tompo ny fahafoizan-tenany.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo amin' i William Marks mpanompoko, ary koa amin' i Newel K. Whitney mpanompoko: aoka izy ireo handamina ny raharahany faingana tokoa ary hanainga avy ao an-tanin' i Kirtland mialohan' ny handefasako, Izaho Tompo, ny orampanala indray eny ambonin' ny tany.

2 Aoka izy ireo hifoha sy hitsangana, ary hivoaka sy tsy hitaredretra, fa Izaho Tompo no mandidy izany.

3 Koa raha mitaredretra izy ireo, dia tsy soa ho azy ireo izany.

4 Aoka izy ireo hibe-baka eo anoloako amin' ny fahotany rehetra sy amin' ny fitsiriritan-dratsy rehetra, hoy ny Tompo; fa inona moa ny "fananana ami-ko? hoy ny Tompo.

5 Aoka ireo fananan' i Kirtland

hanefana ny "trosa, hoy ny Tompo. Aoka ireo handeha, hoy ny Tompo, ary na inona na inona tafajanona, dia aoka izany hijanona eny an-tananareo, hoy ny Tompo.

6 Fa tsy manana ny voromandindin' ny lanitra va Aho, ary koa ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy ny biby any antendrombohitra? Tsy efa nanao ny tany va Aho? Moa tsy hazoniko va ny "anjaran' ireo tafika rehetra amin' ny firenena eto an-tany?

7 Koa, tsy hataoko mitsimoka sy mamony va ireo "toera-manirery ka hamoa be dia be? hoy ny Tompo.

8 Tsy ampy va ny toerana eny antendrombohitra' i "Adama-ondia-Amàna sy eny amin' ny lemak' i Olaha "Sinèha, na ny "tany izay nitoeran' i Adama, no tsy hitsiriritra afa-tsy izay pitidrano ianareo ary hanao tsiram-bina ny tena ventin-javatra?

9 Koa miakara eto amin' ny tanin' ny vahoakako, dia i Ziona.

10 Aoka i William Marks mpanompoko ho "mahatoky amin' ny zavatra vitsivitsy dia ho mpanapaka amin' ny maro izy. Aoka izy hiah-y eo afovoan' ny vaho-

117 4a F&F 104:14.

5a F&F 104:78.

6a Asa 17:26;

1 Ne. 17:36-39.

7a Isa. 35:1;

F&F 49:24-25.

8a F&F 116:1.

TSM Adama-Ondia-

Amàna.

b Abr. 3:13.

d TSM Edena.

10a Mat. 25:23.

kako ao an-tanànan' i Far West, ary aoka izy hotahiana amin' ny fitahiana ny vahoakako.

11 Aoka i Newel K. Whitney mpanompoko ho menatra ny tariky ny “Nikôlaita sy ny ^bfahavetavetany miafina rehetra ary ny fahakelezan' ny fanahiny rehetra eo anoloako, hoy ny Tompo, ary hiakatra ao an-tanin' i Adama-ondia-Amàna ka ho ^eeveka amin' ny vahoakako hoy ny Tompo, tsy amin' ny anarana fa amin' ny atao, hoy ny Tompo.

12 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, mahatsiaro an' i “Oliver Granger mpanompoko Aho; indro, lazaiko aminy marina tokoa fa ny anarany dia hotanana ao amin' ny fahatsiarovana masina hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby, mandrakizay mandrakizay, hoy ny Tompo.

13 Koa aoka izy hiezaka amin-kafanam-po tokoa ho fanavotana ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonako, hoy ny Tompo; ary

raha lavo izy dia mbola hiarina indray, satria ny “fahafoizantenany dia ho masina kokoa Amiko noho ny fitomboany, hoy ny Tompo.

14 Koa aoka izy hiakatra eto faingana tokoa, eto an-tanin' i Ziona; ary amin' ny fotoana mahamety izany, dia hatao mpivarotra ho an' ny anarako izy, hoy ny Tompo, ho tombotsoan' ny vahoakako.

15 Koa aoka tsy hisy olona hanamavo an' i Oliver Granger mpanompoko, fa aoka ireo fitahiana ny vahoakako homba azy mandrakizay mandrakizay.

16 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ireo mpanompoko rehetra ao an-tanin' i Kirtland hahatsiaro ny Tompo Andriamaniny, sy ny tranoko koa, ka hitandrina sy hitandro izany ho masina ary hanongana ireo mpanakalo vola amin' ny fotoana mahamety izany Amiko, hoy ny Tompo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 118

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 8 Jolay 1838, ho valin' ny fitalahoana hoe: “Asehoy anay Tompo ô ny sitraponao momba ny Roambinifololahy” (History of the Church, 3:46).

1–3, Ny Tompo no hamatsy ireo fianakavian' ny Roambinifololahy; 4–6, Nofenoina ny fahabangana teo anivon' ny Roambinifololahy.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: Aoka hanao fihamonambe avy hatrany; aoka halamina ny Roambinifo-

11a Fan. 2:6, 15.
b TSM Tsikombakomba
Miafina.
d TSM Eveka.

12a IE ny solontena
navelan' ny
Mpaminany
hikarakara ny

raharaha_tao Kirtland.
13a TSM Sorona.

lolahy; ary aoka hotendrena ireo lehilahy "hisolo toerana ireo izay efa lavô.

2 Aoka i "Thomas mpanompo-ko hijanona mandritra ny fotoana fohy ao an-tanin' i Ziona mba hitory ny teniko.

3 Aoka ny sisa hanohy ny fitoriana hatramin' izao ora izao, ary raha manao izany amin' ny fietren' ny fo, amin' ny halemem-panahy sy ny "fanetrentena ary ny ^bfahariam-po rehetra izy ireo, dia Izaho Tompo no hanome azy ireo fampanantenana fa Izaho no hamatsy ny fianakaviany; ary varavarana mahomby no hovohana ho azy ireo hatramin' izao.

4 Ary amin' ny lohataona manaraka, dia aoka izy ireo

hanainga ka handeha hita ireo rano be, ary any no hitory ny filazantsarako, ny fahafenoany, ary ho vavolombelona manambara ny anarako.

5 Aoka izy ireo handao ny olo-
masiko ao amin' ny tanànan' i Far West ny enina amby roapolô Aprily ho avy io, eo amin' ny sombin-tany hanorenana ny tranoko, hoy ny Tompo.

6 Aoka i John Taylor mpanompoko, ary koa i John E. Page mpanompoko, ary koa i Wilford Woodruff mpanompoko, ary koa i Willard Richards mpanompoko, hotendrena hameno ny toeran' ireo izay efa lavô ary hampahafantarina ny fanendrena azy ireo amin' ny fomba ofisialy.

FIZARANA 119

*Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 8 Jolay 1838, ho valin' ny fitalahoany hoe: "Tompô ô! Aseho ny mpanomponao ny ampahany takiana amin' ny fananan' ny vahoakanao ho fahafolonkarena" (History of the Church, 3:44). Ny lalàn' ny fahafolonkarena, araka ny ahafantarana azy ankehitriny, dia tsy nomena ny Fiangonana talohan' ity fanambarana ity. Ny teny hoe fahafolonkarena ao amin' io vavaka vao notsahivina io sy ao amin' ireo fanambarana any aloha (64:23; 85:3; 97:11) dia tsy midika hoe ny iray ampahafolony fotsiny, fa ao koa ireo fanatitra an-tsitrapo rehetra na ireo fanampiana ho an' ny tahirim-bolan' ny Fiangonana. Efa nomen' ny Tompo tany aloha ny Fiangonana ny lalàn' ny fanokanana sy ny fitantanana fananana izay nanaovan' ny mpikambana (indrindra fa ireo loholona mpitarika) fanekep-
pihavanana izay tokony haharitra mandrakizay. Koa satria nandamôka ny fitandremam' ny maro izany fanekep-
pihavanana izany, dia notsoahin' ny Tompo nandritra ny fotoana fohy izany ary nomeny, ho an' ny Fiangonana iray manontolo ho solony, ny lalàn' ny fahafolonkarena. Nanontanian' ny Mpaminany ny Tompo ny ampahany amin' ny fananan' izy ireo takiany ho an' ny tanjona masina. Ity fanambarana ity no valiny.*

1–5, *Ny Olomasina dia tokony handoa ny ambim-pananany ary rehefa izany dia hanome ny iray ampahafolon' izay miditra aminy isan-taona ho fahafolonkarena*; 6–7, *Ny fomba toy izany dia hanamasina ny tanin' i Ziona.*

TOY izany marina tokoa no lazain' ny Tompo, takiako avokoa ireo “ambim-pananany mba hapetraka eo an-tanan' ny evekan' ny fiangonako ao Ziona,

2 Ho fananganana ny “tranoko sy ho fandatsahana ny fototr' i Ziona, ary ho an' ny fisoronana sy ho an' ny trosan' ny Fiadidian' ny Fiangonako.

3 Ary izany no ho fiandohan' ny “fahafolonkaren' ny vahoakako.

4 Ary aorian' izany, ireo izay efa nandoa izany fahafolonkarena izany dia handoa ny iray ampahafolon' ny izay rehetra miditra aminy isan-taona; ary izany dia ho lalàna raikitra ho

azy ireo mandrakizay, ho an' ny fisoronako masina, hoy ny Tompo.

5 Lazaiko aminareo marina tokoa, izao no zavatra hitranga, fa ireo rehetra izay miangona eo an-tanin' i “Ziona dia handoa fahafolonkarena amin' ny ambim-pananany sy hanaraka ity lalàna ity, fa raha tsy izany dia tsy ho hita ho mendrika ny hitoetra eo anivonareo ireo.

6 Ary lazaiko aminareo fa raha tsy manaraka ity lalàna ity mba hitandrina izany ho masina ny oloko, ary tsy manamasina ho Ahy ny tanin' i “Ziona amin' ity lalàna ity, mba hahazoana mitandrina ny fitsipiko sy ny didiko eo aminy, mba hahatonga azy ho tena masina indrindra, dia indro, lazaiko aminareo marina tokoa, izany dia tsy ho tanin' i Ziona ho anareo.

7 Ary izany dia ho fianarana ho an' ireo “tsatòkan' i Ziona rehetra. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 120

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Far West, Missouri, ny 8 Jolay 1838, mampahafantatra ny fandaminana ireo fananana handoavana fahafolonkarena toy ny voalaza ao amin' ny fanambarana eo aloha, dia ny fizarana 119 (History of the Church, 3:44).

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: efa tonga ankehitriny ny fotoana izay handaminana “izany amin' ny alalan' ny filankevitra izay ahitana ny Fiadidiana Voalohan'

ny Fiangonako sy ny eveka mbamin' ny filankeviny ary ny filankevitro avo; ary amin' ny alalan' ny feoko ho azy ireo, hoy ny Tompo. Izany tokoa. Amena.

119 1a F&F 42:33–34, 55;
51:13; 82:17–19.
2a F&F 115:8.
3a F&F 64:23;

Mal. 3:8–12.
TSM Fahafolonkarena.
5a F&F 57:2–3.
6a TSM Ziona.

7a TSM Tsatòka.
120 1a IE fahafolonkarena.

FIZARANA 121

Vavaka sy faminaniana nosoratan' i Joseph Smith Mpaminany, fony izy voafonja tao amin' ny fonja tao Liberty, Missouri, ary mitondra ny datin' ny 20 Martsa 1839 (History of the Church, 3:289-300). Efa am-bolana no tao am-ponja ny Mpaminany sy ireo namany maro. Ireo fangatahana sy antso navantany tany amin' ireo mpitondra mahefa sy fahefam-pitsarana dia tsy nisy vokany.

1-6, Nitalaho tamin' ny Tompo ny Mpaminany noho ny fijalian' ny Olomasina; 7-10, Nilaza fiadanana taminy ny Tompo; 11-17, Voaozona avokoa ireo izay miam-panga lainga ny vahoakan' ny Tompo ho mpandika lalàna; 18-25, Tsy hanana zo amin' ny fisoronana izy ireo ary ho voaheloka; 26-32, Ampanantenaina fanambarana be voninahitra ireo miaritra amin-kerim-po; 33-40, Ny antony iantsoana maro ary ifidianana vitsy; 41-46, Tsy tokony hampiasaina afa-tsy amin' ny fahamarinana ny fisoronana.

ANDRIAMANITRA ô, aiza no misy Anao? Ary aiza no misy ny lay izay mandrakotra ny toerana "fiafenanao?"

2 "Mandra-pahoviana no hihazonanao ny tananao sy ny masonao, eny, hitazanao ny masonao madio avy eny amin' ny lanitra mandrakizay ny hadisoana natao tamin' ny vahoakanao sy ireo mpanomponao, ary handoahany ny sofinao amin' ny antsoantsony?"

3 Eny, Tompo ô, "mandra-pahoviana no hiaretany ireny hadisoana sy fampijaliana tsy

ara-dalàna ireny vao hohalefahana aminy ny fonao ary hoentanin' ny fangorahana azy ny kibonao?"

4 Tompo Andriamanitra "Tsi-toha ô, mpanao ny lanitra sy ny tany ary ireo ranomasina sy ireo zavatra rehetra izay eo aminy, ary mifehy sy mampanoa ny devoly ary ny toerana maizina sy maloky ny Seola—ahinjiro ny tananao; aoka ny masonao haninteraka; aoka hakarina hiala ny lainao; aoka tsy ho voarakotra intsony ny toerana ^bfiafenanao; aoka hatongilanao ny sofinao; aoka hohalefahanao ny fonao, ary aoka hoentanin' ny fangorahana anay ny kibonao.

5 Aoka ny fahatezeranao hirehitra amin' ny fahavalonay; ary amin' ny fiafonafonan' ny fonao, amin' ny sabatrao no "hamalianao anay noho ny hadisoana natao taminay.

6 Tsarovy ireo olomasinao mijaly, Ry Andriamanitray ô; dia hiravoravo mandrakizay amin' ny anaranao ireo mpanomponao.

7 Anaka, fiadanana anie ho an' ny fanahinao; ny "fahorianao sy

121 1a Sal. 13:1-2; 102:1-2.

2a Hab. 1:2.

3a F&F 109:49.

4a TSM Tsitoha.

b F&F 123:6.

5a Lio. 18:7-8.

7a TSM Fahoriana.

ny fijalianao dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy;

8 Ary rehefa izany, raha "iare-tanao tsara izany, dia hanan-dratra anao ho amin' ny avo Andriamanitra; ary ho resinao avokoa ny fahavalonao.

9 Mijoro eo akaikinao ny "namanao ary hoarahabainy indray amin' ny hafanam-po sy ny tanam-pihavanana ianao.

10 Tsy mbola tahaka an' i "Joba ianao; tsy mifanditra aminao ny namanao sady tsy mitoroka anao ho nandika lalàna, toy izay nataony tamin' i Joba.

11 Ary ireo izay mitoroka anao ho nandika lalàna dia ho poaka aty ny fanantenany, ary ny fanampoizany dia ho levona toy ny "mahalevona ny orampanala eo anoloan' ny taratra mahamain' ny masoandro vao misandratra;

12 Ary ankoatra izany, dia efa naninjitra ny tanany Andriamanitra ary nanomboka kase mba hiova ny "fotoana sy ny tonontaona, ka hohajambaina ny sain' izy ireo mba tsy hahatakarany izy ireo ny asany mahatalanjona; mba hahafahany misedra sy mamatotra azy ireo ao amin' ny famitahan' izy ireo ihany;

13 Satria koa efa lo ny fony, dia mba ho tonga amin' ny "tenany, amin' ny fahafenoany tanteraka, ireo zavatra izay tiany hatao

amin' ny hafa sy ny fitiavana hampijaly ny hafa;

14 Mba hahatonga azy ireo ho diso fanantenana koa, ary mba ho fongana ny fanantenany;

15 Ary mba tsy ho ao anatin' ny taona maro hatrizao no hifaozana azy ireo sy ny taranany etỳ ambanin' ny lanitra, hoy Andriamanitra, mba tsy hisy anankiray aminy havela hitsangana eo amin' ny rindrina.

16 Voaozona avokoa ireo izay hanainga ny ombalahin-tongony hamely ireo "voahosotro, hoy ny Tompo, ary mihiaka fa efa ^bnanota izy ireo kanefa tsy nanota teo anoloako, hoy ny Tompo, fa efa nanao kosa izay mety eo imasoko sy izay nandidiako azy ireo.

17 Fa ireo izay mihiaka fandikan-dalàna dia manao izany satria mpanompon' ny fahotana ary "zanaky ny tsy fankatoavana ny tenany.

18 Ary ireo izay mianiana lainga hamely ny mpanompoko, mba hahafahany mitondra azy any amin' ny fatorana sy ny fahafatesana—

19 Lozan' izy ireo; satria efa "nanafintohina ireo madiniko izy ireo dia hosarahina hiala amin' ny ^bôrdônansin' ny tranoko.

20 Tsy ho feno ny "harony, ho fongana ny tranony sy ny fitehirizany, ary izy ireo dia

8a 1 Pet. 2:19-23.
TSM Maharitra.

9a F&F 122:3.

10a TSM Joba.

11a Eks. 16:14.

12a Dan. 2:21.

13a Ohab. 28:10;
1 Ne. 14:3.

16a 1 Sam. 26:9;
Sal. 105:15.

b 2 Ne. 15:20;
Môrô. 7:14, 18.

17a Ef. 5:6.

19a Mat. 18:6.

TSM Manafintohina.

b TSM Ôrdônansy.

20a Deot. 28:15-20.

hohamavoin' ireo izay nanaso-
haso azy ireo.

21 Tsy hanana zo amin' ny
"fisoronana izy ireo, na ny tara-
nany mandimby azy ireo, ha-
trany amin' ny taranaka fara
aman-dimby.

22 "Tsara ho azy ireo raha
nanantonana vato fikoseham-
bary ny vozony, ka natsipy
tany amin' ny halalin' ny rano-
masina izy ireo.

23 Lozan' ireo rehetra izay
mampijaly ny vahoakako ka
mandroaka sy mamono ary mi-
joro ho vavolombelona mano-
hitra azy, hoy ny Tompon' ny
Maro; tsy ho afa-miala ny fana-
melohan' ny helo ny "taranaky
ny menarana.

24 Indro, "mahita sy mahalala
ny asany rehetra ny masoko, ary
efa notehiriziko ho azy rehetra
ny ^bfamaliana faingana amin'
ny fotoany;

25 Fa efa voatendry ny "fotoa-
na ho an' ny olona tsirairay,
araka ny ^basany avy.

26 Homen' Andriamanitra ana-
reo amin' ny alalan' ny "Fanahy
Masiny, eny, amin' ny alalan' ny
^bfanomezana tsy hay lazaina ny
Fanahy Masina, ny "fahalalana
izay tsy mbola nambara hatry
ny nisian' izao tontolo izao ka
mandraka ankehitriny;

27 Izay efa nandrasan' ny ra-
zantsika tamin' ny famaizana
fatra mba hambara amin' ny
fotoana farany, izay nisarihan'
ny anjely ny sainy, araka ny efa
nanokanana izany ho amin' ny
fahafenoan' ny voninahiny;

28 Fotoana ho avy izay "tsy
hisy na inona na inona hotana-
na, na misy Andriamanitra iray
na ^bandriamanitra maro, dia
haseho izany.

29 Ireo fiandrianana sy fizaka-
na ary fanapahana sy hery re-
hetra dia "hambara ary hatolo-
tra ireo rehetra izay efa niaritra
tamin-kerim-po noho ny amin'
ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

30 Ary hambara koa raha misy
"fetra natao ho an' ireo lanitra,
na ho an' ireo ranomasina, na ho
an' ny tany maina, na ho an' ny
masoandro, ny volana, na ho
an' ireo kintana—

31 Ireo fotoana rehetra fihodi-
nany, ireo andro, volana, ary
taona rehetra voatondro, ary ny
andro rehetra amin' ny andro-
ny, ny volany ary ny taonany
ary ny voninahiny rehetra, ny
lalàny ary ny fotoany voaton-
dro rehetra, dia hambara amin'
ny andron' ny "fitantanany ny
fotoam-pahafenoana.

32 Araka izay efa voatendry
teo anivon' ny "Filankevitry ilay

21a TSM Fisoronana.

22a Mat. 18:6;

F&F 54:5.

23a Mat. 12:34.

24a TSM Heni-pahalalana.

^b Hel. 8:25.

TSM Fitsarana.

25a Joba 7:1;

F&F 122:9.

^b TSM Asa.

26a F&F 8:2–3.

^b TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

^d Dan. 2:20–22; Fp. 1:9.

TSM Fanambarana.

28a F&F 42:61; 76:7–8;

98:12.

^b Sal. 82:1, 6;

Jao. 10:34–36;

2 Tan. 8:5–6;

F&F 76:58; 132:20;

Abr. 4:1; 5:1–2.

29a F&F 101:32.

30a Joba 26:7–14;

Sal. 104:5–9;

Asa 17:26.

31a TSM Fotoampitanta-
nana.

32a TSM Fivoriana Tany
An-danitra.

^bAndriamanitra Mandrakizain' ireo andriamanitra hafa rehetra, talohan' ny nisian' izao tontolo izao, fa hatokana ho amin' ny fahavitany sy ny fiafarany, rehefa hiditra eo ^aanatrehany mandrakizay sy ao amin' ny ^efitsaharany tsy mety maty ny olona tsirairay.

33 Mandra-pahoviana no afaka mijanona ho tsy madio ny rano mikoriana? Inona no hery hisakana ny lanitra? Toy ny tsy aha-fahan' ny olona iray maninjitra ny sandriny malemy mba hisakanana ny reniranon' i Missouri amin' ny fikorianany efa voatendry, na hampiakatra azy hanohariana, no tsy ahafana misakana ny Tsitoha tsy hampidina ^afahalalana avy any an-danitra ho eo ambony lohan' ny Olomasin' ny Andro Farany.

34 Indro, misy maro no ^avoantso fa vitsy no ^bvoafidy. Ary nahoana izy ireo no tsy voafidy?

35 Satria ny fony dia mipe-traka fatratra amin' ny zavatr' ^aizao tontolo izao sy miandrandra ny ^bvoninahitry ny olona ka tsy mianatra izao lesona iray izao—

36 Fa ireo ^azon' ny fisoronana dia mifamatotra tsy azo sarahina amin' ny ^bherin' ny lanitra,

ary ny herin' ny lanitra dia tsy azo fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny ^afahamarinana.

37 Marina fa azo atolotra antsika ireo zo ireo; kanefa rehefa miezaka ny ^ahanafina ny ^bfahotantsika isika, na ny hampanarana ny ^afiavonavonantsika sy ny hambom-pontsika poaka aty, na ny hampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin' ny fanahin' ny zanak' olombelona, na manao ahoana na manao ahoana ampahan' ny tsy fahamarinana amin' izany, dia indro, ^emisintona ny lanitra; malahelo ny Fanahin' ny Tompo; ary rehefa misintona izany, dia Amena ho an' ny fisoronana na ny fahefan' izany lehilahy izany.

38 Indro, mialohan' ny ahasapany dia efa tavela ho irery izy ^ahanipaka ireo fanindronana, ^bhanenjika ireo olomasina ary hiady amin' Andriamanitra.

39 Nianarantsika tamin' ny zavatra mampalahelo nodiavintsika fa efa ^atoetra sy efa saika fomban' ny olon-drehetra, raha vantany vao mahazo fahefana kely, araka ny fiheverany, ny manomboka mampihatra avy hatrany fitondrana tsy marina.

32b Deot. 10:17.

^d TSM Olona—Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra.

^e TSM Fitsaharana.

33a F&F 128:19.

TSM Fahalalana.

34a Mat. 20:16; 22:1–14; F&F 95:5–6.

TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

^b TSM Voafidy (matoanteny na anarana).

35a TSM Rehak' Izao Tontolo Izao.

^b Mat. 6:2; 2 Ne. 26:29.

36a TSM Fisoronana; Fahefana.

^b TSM Hery.

^d TSM Fahamarinana.

37a Ohab. 28:13.

^b TSM Fahotana.

^d TSM Fiavonavonana.

^e F&F 1:33.

38a Asa 9:5.

^b TSM Fanenjahana.

39a TSM Olona araka ny Nofo.

40 Noho izany dia maro no voantso fa vitsy no voafidy.

41 Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin' ny alalan' ny fisoronana raha tsy amin' ny ^afandresen-dahatra, ny ^bfahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy;

42 Amin' ny halemem-panahy sy ny fahalalana madio izay mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, tsy misy ^afi-hatsarambelatsihy sy tsy misy ^bfitaka —

43 ^aManitsy eo no ho eo amin' ny fomba henjana rehefa entanin' ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho ^bfitiavana sesehena amin' ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahalalony ianao.

44 Mba hahafantarany fa ny fahatokiana dia mahery kokoa

noho ny famatoran' ny fahafatesana.

45 Aoka ny kibonao koa ho feno fiantrana ny olon-drehetra sy ny mpianakavin' ny finoana, ary aoka handravaka tsy ankijanona ny ^aeritreritrao ny ^bhatsaram-panahy; dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra; ary ny fotopampianaran' ny fisoronana dia hitsika ao amin' ny fanahinao toy ny ^aando avy any an-danitra.

46 Ny ^aFanahy Masina no ho namanao lalandava, ary ho tehim-piandrianan' ny fahamari-nana sy ny marina ka tsy hiovaova ny tehim-piandriananao; ary ny ^bfanapahana dia ho fanapahana maharitra mandrakizay, ary tsy mitady fitaovampamoretana no hikorianany mankany aminao mandrakizay mandrakizay.

FIZARANA 122

Ny tenin' ny Tompo tamin' i Joseph Smith Mpaminany fony izy voafonja tao amin' ny fonjan' i Liberty, Missouri, ny volana Martsa 1839 (History of the Church, 3: 300–301).

1–4, *Hamotopototra ny momba ny anaran' i Joseph Smith ireo faran' ny tany*; 5–7, *Ny loza rehetra manjo azy sy ny fitsembohany dia hanome azy fahaiza-manao, ary ho soa ho azy izany*; 8–9, *Efa nidina tambanin' izany rehetra izany ny Zanak' olona.*

HAMOTOPOTOTRA ny momba ny ^aanaranao ireo faran' ny tany, ary haneso anao ireo adala, ary ho romotra aminao ny helo;

2 Raha ny madio am-po sy ny hendry ary ny ambony sy ny tsara toetra kosa hikatsaka

41a 1 Pet. 5:1–3.

b 2 Kor. 6:4–6.

42a Jakoba 3:17.

b TSM Fanangolena.

43a TSM Famaizana.

b TSM Fiantrana;
Fitiavana.

45a TSM Eritreritra.

b TSM Hatsaran-toetra.

d Deot. 32:1–2;

F&F 128:19.

46a TSM Fanahy Masina.
b Dan. 7:13–14.

122 1a JS—T 1:33.

"torohevitra sy fahefana ary fitahiana lalandava avy eo ambanin' ny tananao.

3 Ary tsy hivadika na oviana na oviana aminao noho ny tenivavolombelon' ireo mpamadika ny vahoakanao.

4 Ary na dia hitondra anao ho amin' ny fahasahiranana sy ho any ambadiky ny fefy vy sy ny rindrina aza ny fitaomany, dia homem-boninahitra ianao; ary "fotoana fohy sisa dia ho mahatahotra kokoa eo anivon' ny fahavalonao noho ny ^bliona masiaka ny feonao, noho ny fahamarinanao; ary hijoro eo akaikinao mandrakizay mandrakizay ny Andriamanitrao.

5 Raha voantso hamakivaky fahoriana ianao; raha tandindomin-doza ianao eo anivon' ireo rahalahy sandoka; raha tandindomin-doza ianao eo anivon' ireo mpangalatra; raha tandindomin-doza ianao etỳ an-tany na eny an-dranomasina;

6 Raha iampangana anao avokoa ireo karazana fiampangana sandoka rehetra; raha manafika anao ny fahavalonao; raha esoriny hiala amin' ny fiarahanao amin' ny rainao sy ny reninao ary ireo rahalahinao sy anabavinao ianao; ary raha amin' ny sabatra voatsoaka no anendahan' ny fahavalonao anao hiala avy eo an-tratran' ny andefimandrinao sy ny zanakao, ary ny zanakao lahimatea izay na

vao enin-taona aza dia hifikitra amin' ny akanjonao ary hiteny hoe: Dada, dada, nahoana ianao no tsy afaka miara-mijanona aminay? Dada ô, inona no andeha hataon' ireo lehilahy ireo aminao? Ary raha hatosiny amin' ny sabatra izy amin' izay hiala aminao ary hotaritaritiny ianao ho any am-ponja, ary hihaodihaoody manodidina anao toy ny "amboadia mangelataheta ran-janak' ondry ireo fahavalonao;

7 Ary raha hatsipy any andavaka ianao na eo an-tanan' ireo mpamono olona, ary handalo aminao ny fanamelohana ho faty; raha hatsipy any amin' ny "lalina ianao; raha mikomy aminao ny alon-drano misamboaravoara; raha manjary fahavalonao ny rivotra mahery; raha manangona haizina ny lanitra, ary miray tsikombakomba ny singa rehetra mba hamefy ny lalana; ary ambonin' izany rehetra izany, raha ireo valanoranon' ny ^bhelo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao "traikefa ary ho soa ho anao izany.

8 Efa "nidina tambanin' izany rehetra izany ny ^bZanak' Olona. Moa va ianao lehibe kokoa noho Izy?

9 Koa hazòny ny lalanao dia "hitoetra eo aminao ny fisorona-

2a TSM Torohevitra.

4a F&F 121:7-8.

b 3 Ne. 20:16-21; 21:12.

6a Lio. 10:3.

7a Jona 2:3-6.

b 2 Sam. 22:5-7;

JS—T 1:15-16.

d 2 Kor. 4:17;

Heb. 12:10-11;

2 Ne. 2:11.

8a Heb. 2:9, 17-18;

F&F 76:107; 88:6.

b TSM Zanak' Olona.

9a F&F 90:3.

na; fa efa voatendry ny ^bfetran' izy ireo ka tsy afa-mihoatra izy. Fantatra ny ^dandronao ary tsy hahena ny taonanao, koa aza

^ematahotra izay mety hataon' ny olona, fa homba anao mandrakizay mandrakizay Andriamanitra.

FIZARANA 123

Ny andraikitr' ireo Olomasina amin' ny mpanenjika azy ireo, araka izay nofaritan' i Joseph Smith Mpaminany, fony izy voafonja tao amin' ny fonjan' i Liberty, Missouri, ny volana Martsa 1839 (History of the Church, 3:302-303).

1-6, Tokony hanangona ary hamoaka ho boky ny fitantarana ny fijaliana sy ny fanenjehana azy ireo ny Olomasina; 7-10, Ilay fanahy iray ihany izay nanorina finoana sandoka no nitarika koa ny fanenjehana ireo Olomasina; 11-17, Olona maro amin' ireo antokom-pivavahana rehetra no mbola handray ny fahamarinana.

ARY ankoatra izany, dia tiannay atolotra mba hodinihinareo ny mahamety amin' ny olomasina rehetra ny manangona ny filazalazana momba ireo fihetsika sy fampijaliana ary fanararaotana rehetra nampiharina' ny vahoakan' ity Faritanin' ity taminy;

2 Ary koa momba ny fananana rehetra sy ny hamaroan' ny fahavoazana izay efa nozakainy, na ny fanalam-baraka izany, na ny voina isam-batan' olona, ary koa ny fananan-tany;

3 Ary koa ny anaran' ny olondrehetra izay efa nandray anjara tamin' ny fanenjehana azy

ireo, araka izay ahazoana izany sy mitady izany.

4 Ary angamba ho azo tendrena ny komity iray mba hitady ireo zavatra ireo ary hanangona filazana sy teny ombam-pianianana; ary koa hanangona ireo lahatsoratra manombotomboka izay miely patrana;

5 Ary izay rehetra ao amin' ny gazetiboky sy ao amin' ireo firaketam-pahalalana ary ireo tantara manombotomboka rehetra izay efa vita printy sy voasoratra, ary koa izay manoratra izany ka hampahafantatra ny fifandraisan' ireo asan-devoly mamohetra mahatsiravina sy ireo fanerena mamono izay efa nampiharina tamin' ity vahoaka ity —

6 Mba hahazoantsika tsy mamoka izany fotsiny ho an' ny eran' izao tontolo izao fa mampahafantatra izany amin' ireo filohan' ny governemanta amin' ny lokony maizina sy mivolon' ny helo, ho toy ny ezaka farany izay andidian' ny Raintsika any an-danitra antsika mialohan' ny

9b Asa. 17:26.
d F&F 121:25.
e Neh. 4:14;

Sal. 56:4; 118:6;
Ohab. 3:5-6;
Isa. 51:7;

Lio. 12:4-5;
2 Ne. 8:7;
F&F 3:7; 98:14.

hahafahantsika mitaky feno sy tanteraka ilay fampanantenana izay hiantso Azy hivoaka avy ao amin' ny toerana "fiafenany; ary koa mba hahazoana mame-la ny firenena iray manontolo tsy ho afa-tsiny mialohan' ny hahafahany mandefa ny herin' ny sandriny matanjaka.

7 Izany dia andraikitra tsy azo ihodivirana, ananantsika amin' Andriamanitra, amin' ireo anjely izay hampijoroana antsika amintsika, ary koa amin' ny tenantsika, amin' ny andefimandrintsika sy ny zanatsika izay efa nampiondrehin' ny fahorianana, ny alahelo ary ny ahiahy, eo ambanin' ny tanana maharikorikon' ny vonoan' olona, ny jadona ary ny famoretana, tohanana sy amporisihana ary ampian' ny fitaoman' ilay fanahy izay efa namantsika mafy tokoa tao am-pon' ny zanaka ny finoan' ny razany izay efa nandova lainga, ary nameno ny tontolo tamin' ny fifanjoavana sy efa nitombo ho mahery tokoa hatrany hatrany ka lasa tena loharanon' ny fahalovana rehetra ankehitriny, ary ny "tany manontolo dia mitaraina noho ny vesatry ny helony.

8 Izany dia "zioga vy, izany dia famatorana mafy; izany no tena hatotanana vy sy rojo ary gadra sy parapaingon' ny helo.

9 Koa izany no andraikitra tsy azo ihodivirana izay ananantsika, tsy amin' ny andefimandrintsika sy ny zanatsika ihany, fa

amin' ireo mananotena sy kam-boty ray izay "novonoina ny vadiny sy ny rainy teo ambanin' ny tanana vy;

10 Izay ny asany mainty sy maizina dia ampy hampipararetra ny helo ary hampitahotra sy hampivaloarika ary hampangovitra sy hampifanintontsintona ny tanan' ny devoly mihitsy.

11 Ary izany koa dia andraikitra tsy azo ihodivirana izay ananantsika amin' ny taranaka vao misondrotra rehetra sy amin' ireo madio am-po rehetra—

12 Fa mbola misy maro eto an-tany any anivon' ireo antokom-pivavahana, vondrona ary fiangonana rehetra, no "hajambain' ny hafetsena misokon' ny olona izay ijokoany mba hami-taka, ary ny hany manakana azy ireo tsy hahita ny fahamarinana dia noho ny tsy ^bfahafantarany izay ahitana izany fotsiny—

13 Koa tokony hilofo sy hikely aina isika hitondra ho eo amin' ny hazavana ireo zavatra "mifin' ny haizina rehetra, araka izay ahafantarantsika azy ireny; ary ireny dia aharihary marina tokoa avy any an-danitra—

14 Ireny izany dia tokony ho-karakaraina amin' ny fahazo-toana lehibe tokoa.

15 Aoka tsy hisy olona hihevi-tra azy ireny ho toy ny zavatra madinika; fa betsaka ny zavatra izay mikasika ny olomasina sady mbola hitranga amin' ny hoavy no miankina amin' ireny zavatra ireny.

123 6a F&F 101:89; 121:1, 4.

7a Mos. 7:48-49.

8a TSM Zioga.

9a F&F 98:13; 124:54.

12a Kol. 2:8; F&F 76:75.

b 1 Ne. 8:21-23.

13a 2 Tan. 4:5.

16 Fantatrarao ry rahalahy, fa amin' ny fotoan' ny tafiotra, ny sambo iray tena lehibe dia tena "mahita soa lehibe tokoa amin' ilay familiana bitika izay mihazona azy amin' ny lalany arakaraka ny rivotra sy ny onja.

17 Noho izany ry rahalahy

malala sy ankamamiana tokoa, aoka isika "hazoto hanao ny zava-drehetra izay tratry ny herintsika; ary rehefa izany dia enga anie ka hahajoro isika omban' ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny ^bfamonjen' Andriamanitra ary ny fam-pisehoana ny sandriny.

FIZARANA 124

Fanambarana nomena ho an' i Joseph Smith Mpaminany tao Nauvoo, Illinois, ny 19 Janoary 1841 (History of the Church, 4:274–286). Noho ny fitomboan' ny fanenjehana sy ny fomba tsy ara-dalana nataon' ireo manampahefana taminy, dia voatery nandao an' i Missouri ireo Olomasina. Ny didim-pamongorana navoakan' i Lilburn W. Boggs, governoran' i Missouri mitondra ny datin' ny 27 Ôktôbra 1838, dia tsy namela safidy ho azy ireo (History of the Church, 3:175). Efa naorin' ny Olomasina teo amin' ny toerana nisy ilay tanàna kelin' i Commerce teo aloha, Illinois, ny tanànan' i Nauvoo, raha nomena ity fanambarana ity ny taona 1841, ary teo no natsangana ny foiben-toeran' ny Fiangonana.

1–14, Nodidina i Joseph Smith hanao fanambarana marina ny amin' ny filazantsara tamin' ny filohan' i Etazonia sy ireo governora ary ireo mpitondra ny firenen-drehetra; 15–21, Tahina i Hyrum Smith, i David W. Patten, i Joseph Smith, Rainy, ary ireo hafa anivon' ny velona sy ny maty, noho ny fahitsiany sy ny hatsaram-panahiny; 22–28, Nodidina hanangana trano fandraisambahiny sy tempoly iray tao Nauvoo ny Olomasina; 29–36, Tokony hatao any amin' ireo tempoly ny batisa ho an' ny maty; 37–44, Manorina tempoly mandrakariva ny vahoakan' ny Tompo ho fanatanterahana ireo ôrdônansy masina; 45–55, Afahana amin' ny didy hanorina ny tempoly ao amin' ny

Fivondronan' i Jackson ny Olomasina, noho ny famoretan' ny fahavalony; 56–83, Nomena ireo toromarika ho fanorenana ny Tranon' i Nauvoo; 84–96, Hyrum Smith dia nantsoina ho patriarika sy handray ireo fanalahidy ary hitana ny toeran' i Oliver Cowdery; 97–122, Notoroana hevitra tamin' ny asany i William Law sy ireo hafa; 123–145, Notendrena ireo manampahefana Ambony sy eo an-toerana mbamin' ny andraikiny sy ny kôlejy hisy azy avy.

TOY izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminao ry Joseph Smith mpanompoko: Izaho dia tena mankasitraka ny fanatitrao sy ny fiekena izay

efa nataonao; fa ho amin' izao tanjona izao no efa nanangana-ko anao, dia ny hahazoako maneho ny fahendreko amin' ny alalan' ireo "zava-malemy amin' ny tany.

2 Azo ekena eo anoloako ny fivavakao; ary ho valiny dia lazaiko aminao fa antsoina ianao izao ankehitriny izao hanao fanambarana marina ny amin' ny filazantsarako sy ny amin' ity "tsatòka ity izay efa natsatoko ho vato fehizoron' i Ziona, izay holambolamboina amin' ny fikaliana izay araka ny fitovia-ny amin' ny lapa.

3 Izany fanambarana izany dia hatao amin' ny "mpanjaka rehetra amin' ny tany, amin' ny vazan-taniny efatra, amin' ny filoha voafidy sady mendri-kaja, ary ireo governora ambonyaina eo amin' ny firenena izay onenanao, ary amin' ny firenendrehetra amin' ny tany, miely patrana any ivelany.

4 Aoka izany hosoratana amin' ny fanahin' ny "hamoram-po sy amin' ny herin' ny Fanahy Masina izay ho ao aminao amin' ny fotoana fanoratana izany;

5 Fa homena anao amin' ny alalan' ny Fanahy Masina ny hahafantatra ny sitrapoko momba ireo mpanjaka sy manampahefana ireo, dia izay hanjo azy ireo amin' ny fotoana ho avy.

6 Fa indro, efa andeha hiantso

azy ireo hampandry sofina amin' ny fahazavana sy ny voninahitr' i Ziona Aho, fa ny fotoana voatondro hanomezamboninahitra azy dia efa tonga.

7 Koa antsoinareo amin' ny fanambarana manakoako izy ireo, amin' ny tenivavolombelonareo, tsy amin-tahotra, fa izy ireo dia tahaka ny "ahitra, ary ny voninahiny rehetra dia tahaka ny voniny izay tsy ela dia mihintsana, mba hahazoana mamela azy ireo koa tsy misy fialan-tsiny —

8 Ary mba hahazoako mamaly azy ireo amin' ny andron' ny famaliana, rehefa manala ny saron' ny tavako Aho ka hano- me ny anjaran' ny mpampahory any anivon' ny mpihatsaravelsihy izay misy "fikitrohanify, raha tsipahiny ireo mpampompoko sy ny tenivavolombeloko izay efa nambarako tamin' izy ireo.

9 Ary ankoatra izany, dia hamangy sy hanalefaka ny fony Aho, ny maro aminy, ho tombontsoanareo, mba hahazoanareo mahita fitia eo imasony ka hahatongavany amin' ny "fahazavan' ny fahamarinana, ary ny Jentilisa amin' ny fanandratana na fampakarana an' i Ziona.

10 Fa avy faingana tokoa ny andron' ny famaliako, amin' ny "ora izay tsy ampoizinareo; ary aiza ny ho filaminan-tsain' ny

124 1a 2 Tan. 1:26-28;

F&F 1:19; 35:13.

2a TSM Tsatòka.

3a Sal. 119:46;

Mat. 10:18;

F&F 1:23.

4a TSM Halemem-panahy.

7a Sal. 103:15-16;

Isa. 40:6-8;

1 Pet. 1:24-25.

8a Mat. 8:12; Almà 40:13;

F&F 101:91; 112:24.

9a Isa. 60:1-4.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

10a Mat. 24:44;

JS—M 1:48.

vahoakako sy ny fialofana ho an' ireo izay ho tavela aminy?

11 Mifohaza ry mpanjakan' ny tany ô! Avia ianareo, ô avia ianareo miaraka amin' ny volamenanareo sy ny volafotsinareo, hanampy ny vahoakako, ho ao an-tranon' ny zanakavavin' i Ziona.

12 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa, aoka i Robert B. Thompson mpanompoko hanampy anao hanoratra izany fanambarana izany, fa Izaho dia tena mankasitraka azy ka tokony hiaraka aminao izy;

13 Koa aoka izy hihaino ny torohevitrao, dia hitahy azy amin' ny hamaroan' ireo fitahiana Aho; aoka izy ho mahatoky sy ho marina amin' ny zavadrehetra hatrizao, dia ho lehibe eo imasoko izy;

14 Nefa aoka hotsaroany fa ny "fitantanan-draharahany dia hotakiako eo an-tanany.

15 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminao marina tokoa fa hotahina i "Hyrum Smith mpanompoko; fa Izaho Tompo dia tia azy noho ny ^bfahitsian' ny fony, ary satria tia izay marina eo anoloako izy, hoy ny Tompo.

16 Ankoatra izany, dia aoka i John C. Bennett mpanompoko hanampy anao amin' ny asanao amin' ny fandefasana ny teniko any amin' ireo mpanjaka sy mponin' ny tany ary hijoro eo

anilanao amin' ny oram-pahoriana, dia ianao ry Joseph Smith mpanompoko; ary tsy ho diso ny valisoany izy raha mandray "torohevitra.

17 Ary noho ny fitiavany dia ho lehibe izy, fa ho Ahy izy raha manao izany, hoy ny Tompo. Efa hitako ny asa izay nataony, izay ekeko raha tohiziny, ka hosatrohako amin' ireo fitahiana sy voninahi-dehibe izy.

18 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao fa ny sitrapoko dia ny hanohizan' i Lyman Wight mpanompoko ny fitoriana ho an' i Ziona, amin' ny fanahin' ny hamoram-po, ny hiaikeny Ahy eo anoloan' izao tontolo izao; ary Izaho hitondra azy toy ny amin' ny elatry ny "voromahery; ary hahatonga voninahitra sy laza ho an' ny tenany sy ho an' ny anarako izy.

19 Mba hahazoako mandray azy ho ao Amiko rehefa vitany ny asany, dia toy ny nataoko tamin' i "David Patten mpanompoko izay miaraka Amiko amin' izao fotoana izao, ary koa i ^bEdward Partridge mpanompoko, ary koa ny zokiolona ^dJoseph Smith Rainy mpanompoko izay "miara-mipetraka amin' i Abrahama eo an-tanany ankavanany, ary tahina sy masina izy, fa Ahy izy.

20 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa fa tsy misy "fitaka amin' i George

14a TSM Fitantanan-draharaha.

15a TSM Smith, Hyrum.

b TSM Hitsim-po.

16a TSM Torohevitra.

18a Eks. 19:4; Isa. 40:31.

19a F&F 124:130.

TSM Patten, David W.

b TSM Partridge, Edward.

d TSM Smith, Joseph, rainy.

e F&F 137:5.

20a TSM Fanangolena.

Miller mpanompoko; azo itokia-na izy noho ny fahitsian' ny fony; ary noho ny fitiavana izay ananany amin' ny tenivavolombeloko, Izaho Tompo dia tia azy.

21 Koa lazaiko aminao, fehezi-ko eo ambony lohany ny anjara fanompoan' ny "episkopà, taha-ka ny tamin' i Edward Partridge mpanompoko, mba hahazoany mandray ny fanokanana fananana ho an' ny tranoko, mba hahazoany manolotra ireo fitahiana eo ambony lohan' ny mahantra amin' ny vahoakako, hoy ny Tompo. Aoka tsy hisy olona hanamavo an' i George mpanompoko, fa hanome voninahitra Ahy izy.

22 Aoka i George mpanompoko sy i Lyman mpanompoko, ary i John Snider mpanompoko sy ireo hafa, hanorina "trano ho an' ny anarako toy ilay iray izay hasehon' i Joseph mpanompoko azy ireo, eo amin' ny toerana izay hasehony azy ireo koa.

23 Ary izany dia ho tranombahiny, trano izay ho azon' ny vahiny avy lavitra ivantanana; koa aoka izany ho trano tsara, ho mendrika ny fankasitrahana rehetra, ka hahazoan' ny "mpivahiny trotraka mahita fahasalamana sy filaminana raha mbola mandinika ny tenin' ny Tompo izy; ary koa ny ^bvato fehizoro efa notendreko ho an' i Ziona.

24 Izany trano izany dia ho

fonenana mahasalama raha aorina amin' ny anarako, ary raha tsy mamela ny fahalovana hahavao azy ny mpitantana izay hotendrena ho amin' izany. Ho masina izany fa raha tsy izany dia tsy hitoetra ao ny Tompo Andriamanitrareo.

25 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ny olomasiko rehetra ho tonga avy lavitra.

26 Ary irahonareo ireo iraka mailaka, eny, iraka voafidy ary lazao amin' izy ireo hoe: Avia ianareo, miaraka amin' ny volamenanareo rehetra sy ny volafo-tsinareo, ary ny vatosoanareo sy ny rakitry ny ela rehetra anareo; ary miaraka amin' ireo rehetra izay manana fahalalana momba ny rakitry ny ela, izay hanatona, dia aoka izy hanatona ary mitondra ny bôksô sy ny hazo kipreso ary ny hazo kesika mbamin' ny hazo sarobidy rehetra eto an-tany;

27 Ary miaraka amin' ny vy, miaraka amin' ny varahiname-na, ary miaraka amin' ny varahina sy miaraka amin' ny fanitso ary miaraka amin' ny zava-tsarobidy rehetra anareo amin' ny tany; ary manorena "trano ho an' ny anarako mba ^bhitoeran' ny Avo Indrindra.

28 Fa tsy misy toerana eto antany izay mety hahatongavany sy "hamerenany indray izay efa very ho anareo, na izay efa neso-

21a F&F 41:9.

TSM Eveka.

22a F&F 124:56–60.

23a Deot. 31:12;

Mat. 25:35, 38.

b F&F 124:2.

27a F&F 109:5.

TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

b Eks. 25:8;

F&F 97:15–17.

28a TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

riny hiala, dia ny fahafenoan' ny fisoronana.

29 Fa tsy misy "batistera eto an-tany mba hahazoana ^bmanao batisa ireo olomasiko ho an' ireo izay efa maty —

30 Fa izany ôrdônansy izany dia an' ny tranoko, ary tsy azo ekena Amiko raha tsy amin' ny andron' ny fahantranareo izay tsy ahafahanareo manorina trano ho Ahy.

31 Nefa didiako, ianareo olomasiko rehetra, "hanorina trano ho Ahy; ary omeko anareo ny fotoana ampy hanorenanareo trano ho Ahy; ary mandritra izany fotoana izany dia ho azo ekena Amiko ny batisanareo.

32 Nefa indro, amin' ny fiakaran' izany fotoana izany, dia tsy ho azo ekena Amiko ny batisanareo ho an' ny maty eo aminareo; ary raha tsy manao izany zavatra izany ianareo amin' ny fiakaran' ny fifamotoana, dia holavina miaraka amin' ny maty eo aminareo ny maha-fiangonana anareo, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

33 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, fa aorian' ny anananareo fotoana ampy hanorenana trano ho Ahy, izay toerana hanatantehana ny ôrdônansy ho fanaovana batisa ny maty, fa ho amin' izany no nanorenana azy, hatry ny talohan' ny nanorenana izao tontolo izao, dia tsy ho azo

ekena Amiko ny batisanareo ho an' ireo maty eo aminareo;

34 Fa ao no anokanana ireo "fanalahidin' ny fisoronana masina mba hahazoanareo mandray laza sy voninahitra.

35 Ary aorian' izany fotoana izany, ny batisanareo ho an' ny maty, ataon' ireo izay miely patrana any ivelany, dia tsy azo ekena Amiko, hoy ny Tompo.

36 Satria efa notapahina fa ao i Ziona sy any amin' ireo tsatòkany ary any Jerosalema, ireo toerana izay efa notendreny ho "fialofana, ireo no ho toerana ho an' ny batisanareo ho an' ny maty eo aminareo.

37 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, ahoana moa no ho azo ekena Amiko ny "fisananareo raha tsy ataonareo ao amin' ny trano izay efa naorinareo ho an' ny anarako izany?

38 Satria izany no antony nandidiako an' i Mosesy, hanorenany "taberinakely mba hitondran' izy ireo izany miaraka amin' izy ireo any an-tany foana, ary hanorina ^btrano any amin' ny tany nampanantenaina mba hahafahana manambara ireo ôrdônansy ireo izay efa nafenina hatry ny talohan' ny nisian' izao tontolo izao.

39 Koa lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny "fanosoranareo

29a F&F 128:13.

^b 2 Tan. 15:29;

F&F 127:6; 138:33.

TSM Batisa—Batisa

ho an' ny maty;

Famonjena ho an' ny Maty.

31a F&F 97:10.

34a F&F 110:14–16.

TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

36a Isa. 4:5–6.

37a TSM Fanasana.

38a Eks. 25:1–9; 33:7.

TSM Tabernakely.

^b TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

39a Eks. 29:7.

TSM Manosotra.

sy ny fisasanareo ary ny ^bbatisanareo ho an' ny maty sy ny ^afi-voriana masinareo ary ny ^efanati-pahatsiarovanareo ataon' ny zanakalahin' i Levy, ary ny fanambaranareo ao amin' ny ^ftoeranareo masina indrindra izay andraisanareo ireo tafasiry, sy fitsipikareo ary didim-pitsaranareo ho fiandohan' ny fanambaranana sy ny fototr' i Ziona, ary ho voninahitra sy haja ary fanafiana masina ny mpiray monina aminy rehetra, dia manan-kery amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny tranoko masina izay andidiana mandrakariva ny oloko mba haorina ho an' ny anarako masina.

40 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, aoka izany trano izany haorina ho an' ny anarako, mba hahazoako manambara ireo ôrdônansiko amin' ny oloko;

41 Fa sitrako ny ^ahanambara amin' ny fiangonako ireo zavatra izay efa ^bnafenina hatry ny talohan' ny nanorenana izao tontolo izao, zavatra izay mikasika ny fitantanan' ny ^dfo-toam-pahafenoana.

42 Ary ^ahasehoko an' i Joseph mpanompoko ny zava-drehetra mikasika izany trano izany sy ny fisoronany ary ny toerana izay hanorenana izany.

43 Ary ianareo dia hanorina izany eo amin' ny toerana izay efa noheverinareo hanorenana

izany, fa izany no sombin-tany izay efa nofinidiko ho anareo hanorenana izany.

44 Raha miasa amin' ny herinareo rehetra ianareo, dia hanokana io sombin-tany io Aho ka ho ^amasina izany.

45 Ary raha mihaino ny feoko ny vahoakako, ary mihaino ny feon' ireo ^ampanompoko izay efa notendreko hitarika ny vahoakako, dia indro, lazai-ko aminareo marina tokoa, tsy hoesorina hiala amin' ny toerany izy.

46 Fa raha tsy mety mihaino ny feoko izy, na ny feon' ireo lehilahy izay efa notendreko, dia tsy hotahina izy satria mandoto ny taniko masina sy ireo ôrdônansiko masina ary fotodalàko sy teniko masina izay omeko azy.

47 Ary izao no zavatra hitranga, fa raha manorina trano ho an' ny anarako ianareo ary tsy manao ireo zavatra izay lazaiko, dia tsy hotanako ny ^afianianako izay ataoko aminareo sady tsy hotanterahiko ireo fampanantenana izay andrasanareo eo an-tanako, hoy ny Tompo.

48 Fa ho ^asolon' ireo fitahiana, ianareo, noho ny asanareo, dia mitondra ozona, fisafahana, fahavinirana ary famaliana eo amin' ny lohanareo, noho ny hadalanareo ary noho ny fahavetavetanareo rehetra izay

39b TSM Ôrdônansy—
Ôrdônansy isolohana
tena.

d F&F 88:117.

e F&F 13:1; 84:31;

128:24; JS—T 1:69.

f Ezek. 41:4;
F&F 45:32; 87:8; 101:22.

41a Fp. 1:9.

b F&F 121:26–32.

d Ef. 1:9–10;

F&F 27:13; 112:30.

42a F&F 95:14–17.

44a TSM Masina.

45a F&F 1:38.

TSM Mpaminany.

47a TSM Fianianana.

48a Deot. 28:15.

ataonareo eo anoloako, hoy ny Tompo.

49 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa rehefa ome-ko didy ireo zanak' olombelona hanao asa ho an' ny anarako, ary mandeha amin' ny heriny rehetra sy miaraka amin' izay ananany rehetra ireo zanak' olombelona ireo hanatontosa izany asa izany, ary tsy mitsahatra ny "fahazotoany, ary manafika azy ireo ny fahavalony ka misakana azy ireo tsy hahatontosa izany asa izany, dia indro, mety Amiko ny tsy ^bmitaky intsony izany asa izany eo an-tanan' ireo zanak' olombelona ireo, fa ny manaiky kosa ny fanatiny.

50 Ary ny heloka sy ny fandikana ireo lalàko sy ny didiko masina dia "hovaliako eo ambonin' ny lohan' ireo izay nisa-kana ny asako, hatrany amin' ny zafiafy sy ny ^bzafindohalika raha mbola tsy "mibebaka izy ireo ary mankahala Ahy, hoy ny Tompo Andriamanitra.

51 Koa noho izany antony izany no efa nanekeko ny fanatitr' ireo izay nodidiako hanorina tanàna sy "trano ho an' ny anarako, ao amin' ny fivondronan' i ^bJackson, Missouri, ary nosakanan' ny fahavalony, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

52 Ary hovaliako "famaizana, fisafoahana ary fahavinirana, fitomaniana ary fitebitebena sy

fikitroha-nify eo ambonin' ny lohany izany, hatrany amin' ny zafiafy sy ny zafindohalika, raha mbola tsy mibebaka izy ireo ary mankahala Ahy, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

53 Ary izany dia ataoko ho fianarana ho anareo, ho fiononareo momba ireo rehetra izay efa nodidina hanao asa ary efa nosakanan' ny tanan' ireo fahavalony sy ny famoretana, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

54 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrareo ary hovanjeko ireo rehetra amin' ny rahalahinareo izay efa "nadio am-po sy efa ^bnovonoina teo amin' ny tanin' i Missouri, hoy ny Tompo.

55 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, didiako indray ianareo hanorina "trano ho an' ny anarako, dia eto amin' ity toerana ity, mba hahazoanareo ^bmanaporofa Amiko fa mahatoky amin' ny zava-drehetra ianareo, na inona na inona andidiako anareo, mba hahazoako mitahy anareo sy mampisatroka anareo amin' ny haja, ny tsy fahafatesana ary ny fiainana mandrakizay.

56 Ary ankehitriny dia lazaiko aminareo, mikasika ny "tranombahiny izay efa nandidiako anareo haorina ho famantan' ireo vahiny, dia aoka izany haorina ho an' ny anarako, ary aoka izany hitondra ny anarako, ary

49a TSM Fahazotoana.

b F&F 56:4; 137:9.

50a Môsià 12:1.

b Deot. 5:9;

F&F 98:46–47.

d TSM Fibebahana.

51a F&F 115:11.

b TSM Jackson,

Fivondronan' i,

Missouri (Etazonia).

52a F&F 121:11–23.

54a TSM Madio.

b F&F 98:13; 103:27–28.

55a F&F 127:4.

b Abr. 3:25.

56a F&F 124:22–24.

aoka i Joseph mpanompoko mbamin' ny ankohonany hana-na toerana ao, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

57 Fa izany hosotra izany no efa nataoko teo ambonin' ny lohany dia ny hanaovana koa izany fitahiana azy izany eo ambonin' ny lohan' ny tarana-ny mandimby azy.

58 Ary toy izay nolazaiko tam-in' i "Abrahama momba ireo fokon-pirenena eto an-tany dia toy izany koa no ilazako amin' i Joseph mpanompoko: Ao amin-ao sy ny ^btaranakao no hita-hiana ny foko eto an-tany.

59 Koa aoka i Joseph mpanom-poko sy ny taranany mandimby azy hanana toerana ao amin' izany trano izany, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby, mandrakizay, mandrakizay hoy ny Tompo.

60 Ary aoka ny anaran' izany trano izany hatao hoe Tranon' i Nauvoo; ary aoka izany ho fonenana mahafinaritra ho an' ny olona, ary ho toerana fialan-tsasatra ho an' ny mpandeha trotraka, mba hahazoany man-dinika ny voninahitr' i Ziona sy ny voninahitry ny vato fehi-zorony;

61 Mba hahazoany mandray koa torohevitra avy amin' ireo izay efa notendreko ho toy ny "volin' ny laza sy ho toy ny ^bmpitily eo amin' ny mandany.

62 Indro, lazaiko aminao marina tokoa, aoka i George Miller mpanompoko sy i Lyman

Wight mpanompoko sy i John Snider mpanompoko ary i Peter Haws mpanompoko hi-fandamina ary hanendry ny iray aminy ho filohan' ny kôle-jy ho amin' ny fanorenana izany trano izany.

63 Ary izy ireo dia hanao la-lam-panorenana izay hahazoa-na mandray ireo petrabola ho fanorenana izany trano izany.

64 Ary tsy handray petrabola latsaka ny dimampolo dôlara avy amin' olona ho petrabola ao amin' izany trano izany izy ireo sady tsy havela handray dimy arivo sy iray alira dôlara avy amin' ny olona ho petrabo-la ao amin' izany trano izany.

65 Saingy tsy homen-dalana izy ireo handray mihoatra ny dimy arivo sy iray alina dôlara ho petrabola avy amin' olona iray.

66 Ary tsy homen-dalana izy ireo handray petrabola latsaka ny dimampolo dôlara avy amin' olona iray ao amin' izany trano izany.

67 Ary tsy homen-dalana izy ireo handray olona ho mpame-trabola ao amin' izany trano iza-ny, raha tsy aloany eo an-tanan' izy ireo ny petrabolany amin' ny fotoana handraisany petrabola;

68 Ary arakaraka ny sandan' ny petrabola aloany eo an-ta-nan' izy ireo no handraisany petrabola ao amin' izany trano izany; saingy raha tsy mandoa na inona na inona izy eo an-ta-nan' izy ireo dia tsy handray

58a Gen. 12:3; 22:18;
Abr. 2:11.
TSM Abrahama.

b F&F 110:12.
TSM Fanekepiahava-
nan' i Abrahama.

61a Isa. 61:3;
Ezek. 34:29.
b TSM Mpiambina.

petrabola ao amin' izany trano izany.

69 Ary raha misy olona mandoa petrabola eo an-tanan' izy ireo, dia ho petrabola ao amin' izany trano izany, ho an' ny tenany sy ho an' ny taranany mandimby azy izany, hatrany amin' ny taranany fara aman-dimby, raha mbola mitana io petrabola io izy sy ny mpandova azy ka tsy mivarotra na mamin-dra izany hiala eo an-tanany, araka ny safidiny malalaka sy ny ataony, raha tianareo ny hanao ny sitrapoko, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

70 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, raha mandray petrabola eo an-tanany i George Miller mpanompoko sy i Lyman Wight mpanompoko sy i John Snider mpanompoko ary i Peter Haws mpanompoko, na tolo-botsotra izany na naloa tamin' ny fananana izay andraisan' izy ireo ny tena sandan' ny vola, dia tsy hanokana izay mety ho ampahany amin' izany ho an' ny tanjona hafa afa-tsy ho an' izany trano izany izy ireo.

71 Ary raha manokana ampahany amin' izany petrabola izany ho an' ny zavatra hafa afa-tsy ho an' izany trano izany izy ireo sady tsy nahazo lalana tamin' ny mpametrabola, ka tsy manonitra avo efatra heny ny petrabola izay natokan' izy ireo ho an' ny zavatra hafa afa-tsy ho an' izany trano izany, dia ho voaozona izy ireo ary hoeso-

rina amin' ny toerany, hoy ny Tompo Andriamanitra; fa Izaho Tompo dia Andriamanitra ary tsy azo "vazivaziana amin' ireny zavatra ireny.

72 Lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Joseph mpanompoko handoa petrabola eo an-tanan' izy ireo ho fanorenana izany trano izany, araka izay hitany fa tsara; saingy i Joseph mpanompoko dia tsy afaka mandoa petrabola mihoatra ny dimy arivo sy iray alina dôlara na latsaka ny dimampolo dôlara ao amin' izany trano izany; sady tsy misy olon-kafa afaka manao izany ihany koa, hoy ny Tompo.

73 Ary misy ireo hafa koa izay maniry ny hahafantatra ny sitrapoko momba azy ireo, satria nangataka izany tamin' ny tanako izy ireo.

74 Koa lazaiko aminareo ny momba an' i Vinson Knight mpanompoko, raha ta hanao ny sitrapoko izy, dia aoka izy hametraka petrabola ao amin' izany trano izany, ho an' ny tenany sy ho an' ny taranany mandimby azy, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

75 Ary aoka izy hanandratra maharitra sy mafy ny feony eo anivon' ny vahoaka mba "hiaro ny tombontsoan'ny mahantra sy ny sahirana; ary aoka izy tsy hanao tsirambina, ary aoka tsy ho reraka ny fony; dia "hoekeko ny fanatiny, fa izany Amiko dia tsy ho tahaka ny fanatitr' i Kaina, fa ho Ahy izy, hoy ny Tompo.

76 Aoka hiravoravo ny fianakaviany ka hitodika hiala amin' ny fahorianana ny fon' izy ireo; fa Izaho efa nifidy azy sy nanosotra azy, ary homem-boninahitra izy eo anivon' ny ankohonany, fa havelako avokoa ny fahotany, hoy ny Tompo. Amena.

77 Lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Hyrum mpanompoko hametraka petrabola ao amin' izany trano izany araka izay hita fa tsara, ho an' ny tenany sy ny taranany mandimby azy hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

78 Aoka i Isaac Galland mpanompoko hametraka petrabola ao amin' izany trano izany; fa Izaho Tompo dia tia azy noho ny asa efa vitany ary hamela ny fahotany rehetra; koa aoka ho-tsaroana ny anjarany ao amin' izany trano izany, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

79 Aoka i Isaac Galland mpanompoko hotendrena eo anivonareo ary hatokan' i William Marks mpanompoko ary hotsofiny rano mba hiara-mandeha amin' i Hyrum mpanompoko, hanatontosa ny asa izay hotondroin' i Joseph mpanompoko ho azy ireo, dia hotahina fatra-ta tokoa izy ireo.

80 Aoka i Williams Marks mpanompoko handoa petrabola ao amin' izany trano izany, araka izay hitany fa tsara, ho an' ny tenany sy ny taranany, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

81 Aoka i Henry G. Sherwood

mpanompoko handoa petrabola ao amin' izany trano izany, araka izay hitany fa tsara ho an' ny tenany sy ny taranany mandimby azy, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

82 Aoka i William Law mpanompoko handoa petrabola ao amin' izany trano izany, ho an' ny tenany sy ny taranany mandimby azy, hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby.

83 Raha ta hanao ny sitrapoko izy, dia aoka izy tsy hitondra ny fianakaviany ho any amin' ny tany atsinanana, na dia hatrany Kirtland aza; kanefa Izaho Tompo dia hanangana an' i Kirtland, saingy Izaho Tompo dia manana antambo voaomana ho an' ny mponiny.

84 Ary momba an' i Almon Babbitt mpanompoko, dia misy zavatra maro izay tsy ankasi-trahako; indro, mikendry ny hampanjaka ny toroheviny izy toy izay ny torohevitra izay efa nomeko, dia ny an' ny Fiadian' ny Fiangonako; ary manangana "ombilahikely volame-na izy hivavahan' ny oloko.

85 Aoka tsy "hiala amin' ity toerana ity ny olona izay efa tonga eto sady niezaka nitan-drina ny didiko.

86 Raha velona eto izy, dia aoka izy ho velona ho Ahy; ary raha maty izy, dia aoka izy ho faty ho Ahy; fa "hiala sasatra amin' ny asany rehetra eto izy ary hanohy ny asany.

87 Ka aoka i William mpanompoko hametraka ny fahatokianany

Amiko ary hampitsahatra ny taho-
tra momba ny fianakaviany
noho ny aretin' ny tany. Raha "tia
Ahy ianareo dia tandremo ireo
didiko; ary ny aretin' ny tany
dia ^bhiova ho voninahitrareo.

88 Ka aoka i William mpa-
nompoko handeha sy hitory ny
filazantsarako maharitra man-
drakizay amin' ny feo mahery
sy amin' ny fifaliana lehibe, ara-
ka izay hanentanan' ny "Fana-
hiko azy, amin' ireo mponin' i
Warsaw, ary koa amin' ireo
mponin' i Carthage, ary koa
amin' ireo mponin' i Burlington,
ary koa amin' ireo mponin' i
Madison, ka hian-dry amin' ny
faharetana sy ny zotom-po ireo
toromarika hafa amin' ny fi-
haonambe, hoy ny Tompo.

89 Raha ta hanao ny sitrapoko
izy, dia aoka izy hihaino an' i
Joseph mpanompoko hatrizao
ary hanohana amin' ny fanana-
ny ny "tombontsoan'ny mahan-
tra sy hamoaka ^bny dikanten-
vaovaon' ny teniko masina ho
an' ny mponin' ny tany.

90 Ary raha manao izany izy,
dia "hitahy azy amin' ny hama-
roan' ny fitahiana Aho ka tsy
hafoy izy sady tsy ho hita ^bhan-
gata-kanina ny taranany.

91 Ary ankoatra izany, dia la-
zaiko aminareo marina tokoa,
aoka i William mpanompoko
hotendrena, hatokana ary ho-
hosorana ho mpanolotsain' i

Joseph mpanompoko eo amin'
ny toeran' i Hyrum mpanom-
poko, mba hahazoan' i Hyrum
mpanompoko mandray ny an-
jara fanompoan' ny "Patriarika
ao amin' ny Fisoronana izay
notendren' ny rainy ho azy ta-
min' ny alalan' ny fitahiana ary
koa tamin' ny alalan' ny zo;

92 Mba hohazoniny eo ambo-
nin' ny lohan' ny vahoakako re-
hetra hatrizao ireo fanalahidin'
ny "tsodranon' ny patriarika,

93 Ka na zovy na zovy no tso-
finy rano dia ho voatahy, ary na
zovy na zovy no "ozoniny dia
ho voaozona; fa na inona na
inona ^bhofeheziny etỳ an-tany
dia hofehezina any an-danitra;
ary na inona na inona hovahany
etỳ an-tany dia hovahana any
an-danitra.

94 Ary hatramin' izao fotoana
izao Aho dia manendry azy ho
mpaminany sy ho "mpahita ary
ho mpanambara amin' ny fian-
gonako, tahaka an' i Joseph
mpanompoko;

95 Mba hahazoany miasa ao
amin' ny firaisan-kina amin' i
Joseph mpanompoko; ary izy
dia handray torohevitra avy
amin' i Joseph mpanompoko,
izay hampiseho aminy ireo "fa-
nalahidy izay hahazoany man-
gataka sy mandray, ka ho azo
satrohina amin' ny fitahiana
iray ihany sy ny voninahitra,
ary ny laza sy ny fisoronana,

87a Jao. 14:15.

^b F&F 121:8; 122:7.

88a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Fanahy Masina.

89a F&F 78:3.

^b IE ny Baiboly

Dikantenin' i
Joseph Smith.

90a TSM Fitahiana.

^b Sal. 37:25.

91a F&F 107:39–40.

TSM Patriarika.

92a TSM Tsodranon' ny

Patriarika.

93a F&F 132:45–47.

^b Mat. 16:19.

TSM Famehezana.

94a F&F 107:91–92.

TSM Mpahita.

95a F&F 6:28.

ary ireo fanomezam-pahasoa-
van' ny fisoronana izay nomena
fahiny an' i ^bOliver Cowdery
mpanompoko;

96 Mba hahazoan' i Hyrum
mpanompoko mijoro ho va-
volomben' ireo zavatra hase-
hoko azy, mba hihazonana ny
anarany ao amin' ny fahatsia-
rovana be voninahitra hatrany
amin' ny taranaka fara aman-
dimby, mandrakizay mandra-
kizay.

97 Aoka William Law mpa-
nompoko handray koa ireo fa-
nalahidy izay hahazoany man-
gataka sy mandray; aoka izy
“hanetry tena eo anoloako ary
tsy hisy ^bfitaka, dia handray
amin' ny Fanahiko izy, dia ny
“Mpampionona izay haneho
amin' ny fahamarinan' ny zava-
drehetra ary hanome azy amin'
izany ora izany indrindra izay
holazainy.

98 Ary izao “famantarana izao
no hanaraka azy—^bhanasitra-
na ny marary izy, handroaka
devoly ary ho afaka amin' ireo
izay ta hanome azy poizina
mahafaty;

99 Ary izy dia hotarihina
amin' ny lalana izay tsy ahafa-
han' ny bibilava misy “poizina
manaikitra ny ombalahinton-
gony, ary hiakatra ambony toy
ny eo ambonin' ny elatry ny
voromahery ny ^bfisaintsainan'
ny fony.

100 Ary raha sitrako aza ny

hananganany ny maty, dia aoka
izy tsy hihazona ny feony.

101 Koa aoka i William
mpanompoko hiantso mafy
ary tsy hitsitsy mihitsy, miara-
ka amin' ny fifaliana sy ny
firavoravoana, ary miaraka
amin' ny hôsanà ho an' ilay
mipetraka eo amin' ny seza
fiandrianana mandrakizay man-
drakizay, hoy ny Tompo
Andriamanitrareo.

102 Indro, lazaiko aminareo,
Izaho dia manana asa aniraha-
na efa vonona ho an' i William
mpanompoko sy i Hyrum mpa-
nompoko, ary ho azy ireo irery;
ary aoka i Joseph mpanompoko
hijanona ao an-tranony, satria
ilaina izy. Ny sisa dia hasehoko
aminareo rahatrizay. Izany to-
koa. Amena.

103 Ary ankoatra izany, dia la-
zaiko aminareo marina tokoa,
raha ta hanompo Ahy ary ho
mpanolotsaina ho an' i Joseph
mpanompoko i “Sidney mpa-
nompoko, dia aoka izy hitsan-
gana sy handroso ary hanefa
ny anjara fanompoana amin' ny
antso ananany ka hanetry tena
eo anoloako.

104 Ary raha manatitra fanati-
tra ankasitrahana ho Ahy sy ny
fiaikena izy, ary miara-mitoe-
tra amin' ny vahoakako, dia
indro, Izaho Tompo Andriama-
nitrareo no hanasitrana azy ka
ho sitrana izy; ary hanandratra
ny feony indray eny an-tendrom-

95b TSM Cowdery, Oliver.

97a TSM Fanetren-tena.

b TSM Fanangolena.

d TSM Mpampionona.

98a Mar. 16:17–18.

TSM Fanomezam-
pahasoaan' ny
Fanahy.

b TSM Manasitrana.

99a F&F 84:71–73.

b Eks. 19:4;

Isa. 40:31.

103a TSM Rigdon,
Sidney.

bohitra izy ary ho “mpitondra-teny eo anoloan’ ny tavako.

105 Aoka izy ho avy ary hamindra ny ankohonany hankeo amin’ ny toerana izay onenan’ i Joseph mpanompoko.

106 Ary amin’ ny diany rehe-tra dia aoka izy hanandratra ny feony tahaka ny fanenon’ ny trompetra ary hampitandrina ny mponin’ ny tany handositra ny fisafoahana ho avy.

107 Aoka izy hanampy an’ i Joseph mpanompoko, ary aoka koa i William Law mpanompo-ko hanampy an’ i Joseph mpanompoko, amin’ ny fanaovana “filazana marina ho an’ ireo mpanjakan’ ny tany, dia tahaka izay efa nolazaiko taminareo teo aloha.

108 Raha ta hanao ny sitrapoko i Sidney mpanompoko, dia aoka izy tsy hamindra ny ankohonany ho any amin’ ny “tany atsina-nana, fa aoka izy hanova ny fonenany, toy izay efa nolazaiko.

109 Indro, tsy sitrapoko ny hika-sahany hahita filaminana sy fialofana any ivelan’ ny tanàna izay efa notendreko ho anareo, dia ny tanànan’ i “Nauvoo.

110 Lazaiko aminareo marina tokoa, na dia ankehitriny aza, raha te hihaino ny feoko izy, dia ho soa ho azy izany. Izany tokoa. Amena.

111 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Amos Davies mpanompoko handoa petrabola eo an-

tanany ireo izay efa notendreko hanangana ny trano fivahinia-nana, dia ny Tranon’ i Nauvoo izany.

112 Izany no aoka hataony raha ta hanana anjara izy; ary aoka izy hihaino ny torohevitr’ i Joseph mpanompoko ary hampiasa ny tanany mba hahazoa-ny ny fahatokian’ ny olona.

113 Ary rehefa hita ho nahatoky tamin’ ny zava-drehetra izay nankinina hokarakarainy izy, eny, na dia zavatra vitsy aza, dia hatao “mpanapaka amin’ ny maro;

114 Koa aoka izy “hanetry tena mba hahazoana manandratra azy. Izany tokoa. Amena.

115 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa raha ta hankatò ny feoko i Robert D. Foster, dia aoka izy hanangana trano ho an’ i Joseph mpanompoko, araka ny fifane-kena izay efa nataony taminy, araka izay hamohana ombieny ombieny ny varavarana ho azy.

116 Ary aoka izy hibe-baka amin’ ny hadalany rehetra sy hampitafy “fiantrana ny tenany; ka hampitsahatra ny fanaovan-dratsy ary hahafoy ny teniny henjana rehetra;

117 Ary koa handoa petrabola eo an-tanany ny kôlejin’ ny Tranon’ i Nauvoo ho an’ ny tenany sy ho an’ ny taranany mandimby azy hatrany amin’ ny taranaka fara aman-dimby;

118 Ary hihaino ny torohevitr’

104a Eks. 4:14–16;
2 Ne. 3:17–18;
F&F 100:9–11.
107a F&F 124:2–4.

108a F&F 124:82–83.
109a TSM Nauvoo,
Illinois (Etazonia).
113a Mat. 25:14–30.

114a Mat. 23:12;
F&F 101:42.
116a Kol. 3:14.
TSM Fiantrana.

ireo mpanompoko isany, Joseph sy Hyrum, ary William Law ary ireo manampahefana izay efa nantsoiko handatsaka ny fototr' i Ziona; dia ho soa ho azy izany mandrakizay mandrakizay. Izany tokoa. Amena.

119 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka tsy hisy olona handoa petrabola amin' ny kôlejin' ny Tranon' i Nauvoo raha tsy mino ny Bokin' i Môrmôna sy ireo fanambarana izay efa nomeko anareo izy; hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

120 Fa izay "mihoatra na latsaka izao dia avy amin' ny ratsy, ary harahina ozona fa tsy fitahiana, hoy ny Tompo Andriamanitrareo. Izany tokoa. Amena.

121 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, aoka ny kôlejin' ny Tranon' i Nauvoo handray karama marina noho ireo asa rehetra izay ataony amin' ny fananganana ny Tranon' i Nauvoo; ary mikasika ny haben' ny karamany, dia aoka izany ho araka izay efa nifanarahana teo anivony.

122 Ary raha ilaina, dia aoka ny olona tsirairay izay mandoa petrabola hiantoka ny anjara karamany ho fivelomany, hoy ny Tompo; fa raha tsy izany dia ny asany no hisaina ho petrabola ho azy ao

amin' izany trano izany. Izany tokoa. Amena.

123 Lazaiko aminareo marina tokoa, omeko anareo ankehitriny ireo "mpitarika ao amin' ny Fisoronako mba hahazoanareo mihazona ireo ^bfanalahidiny, dia ny Fisoronana izay araka ny lamin' i ^dMelkizedeka, izay araka ny lamin' ny Zanaka Lahitokako.

124 Voalohany dia omeko anareo i Hyrum Smith ho "patriarika eo aminareo mba hihazona ny fitahian' ny ^bfamehezana amin' ny fiangonako, dia ny Fanahy Masin' ny ^dfampanantenana izay ^eamehezana anareo ho amin' ny andro fanavotana, mba tsy hahalavo anareo, na dia eo aza ny ^foran' ny fakam-panahy izay mety ho tonga aminareo.

125 Omeko anareo i Joseph mpanompoko ho loholona mpiahy ny fiangonako manontolo, ho mpandika teny, mpanambara, "mpahita ary mpaminany.

126 Omeko azy ho mpanolotsaina i Sidney Rigdon mpanompoko sy i William Law mpanompoko mba hahatonga azy ireo ho kôlejy sy Fiadidiana Voalohany ka handray ireo "fanambarana ho an' ny fiangonana manontolo.

127 Omeko anareo i "Brigham Young mpanompoko ho filohan' ny filankevitry ny Roambinifololahy mpitety faritra;

120a Mat. 5:37; F&F 98:7.

123a TSM Anjara

Fanompoana.

b TSM Fanalahidin'

ny Fisoronana.

d TSM Fisoronana

Melkizedeka.

124a TSM Patriarika.

b TSM Famehezana.

d F&F 76:53; 88:3–4.

TSM Fanahy Masin'

ny Fampanantenana.

e Ef. 4:30.

f Fan. 3:10.

125a F&F 21:1.

TSM Mpahita.

126a F&F 90:4–5.

127a TSM Young, Brigham.

128 Dia ny “Roambinifololahy izay mihazona ireo fanalahidy mba hanokafana ny fahefan’ ny fanjakako eo amin’ ny vazan-tany efatry ny tany, ary rehefa izany, mba ^bhandefasana ny teniko any amin’ ny olona rehetra.

129 Ireto avy izy ireo: Heber C. Kimball, Parley P. Pratt, Orson Pratt, Orson Hyde, William Smith, John Taylor, John E. Page, Wilford Woodruff, Willard Richards, George A. Smith;

130 “David Patten dia efa ^bnalaiko ho any Amiko; indro, ny fisoronany dia tsy misy olona maka izany aminy; nefa lazaiko aminareo marina tokoa, azo tendrena ho amin’ io antso io ihany ny iray hafa.

131 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, omeko anareo ny “filankevitra avo ho vato fehizoron’ i Ziona—

132 Dia i Samuel Bent, i Henry G. Sherwood, i George W. Harris, i Charles C. Rich, i Thomas Grover, i Newel Knight, i David Dort, i Dunbar Wilson—i Seymour Brunson dia efa nalaiko ho any Amiko; tsy misy olona maka ny fisoronany, nefa azo tendrena amin’ io fisoronana io ihany, ho eo amin’ ny toerany ny iray hafa; ary lazaiko aminareo marina tokoa, aoka i Aaron Johnson mponompoko hatokana amin’ io antso io, ho eo amin’

ny toerany—i David Fullmer, i Alpheus Cutler, i William Huntington.

133 Ary ankoatra izany, dia omeko anareo i Don C. Smith ho filohan’ ny kôlejin’ ny mpi-sorona avo;

134 Dia ôrdônansy izay ajoro mba hahaleo hahalasana ireo izay hotendrena ho filoha maharitra na mpanompo amin’ ireo “tsatôka samy hafa miely patrana any ivelany;

135 Ary mahazo mitety faritra koa izy ireo raha tiany, saingy voatokana kokoa ho filoha maharitra izy ireo; izany no anjara fanompoan’ ny antso ananany, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

136 Omeko anareo i Amasa Lyman sy i Noah Packard ho mpanolotsaina mba hahazoan’ izy ireo miahhy ny kôlejin’ ny mpisorona avo amin’ ny fiangonako, hoy ny Tompo.

137 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, omeko anareo i John A. Hicks, i Samuel Williams ary i Jesse Baker, izay hiahhy ny kôlejin’ ny “loholona no fisoronany, kôlejy izay ajoro ho an’ ireo mpanompo maharitra; mahazo mitety faritra anefa izy ireo, na dia voatokana ho mpanompo maharitra amin’ ny fiangonako aza, hoy ny Tompo.

138 Ary ankoatra izany, dia omeko anareo i Joseph Young, i Josiah Butterfield, i

128a TSM Apostoly.

b Mar. 16:15.

130a TSM Patten,

David W.

b F&F 124:19.

131a TSM Filankevitra Avo.

134a TSM Tsatôka.

137a F&F 107:11–12, 89–90.

TSM Loholona; Kôlejy.

Daniel Miles, i Henry Herriman, i Zera Pulsipher, i Levi Hancock, i James Foster, mba hiahy ny kôlejin' ny "fitopololahy;

139 Dia kôlejy izay ajoro ho an' ireo loholona mpitety faritra mba ho vavolombelona manambara ny anarako eran' izao tontolo izao, na aiza na aiza hanirahan' ny filankevitra avo mpitety faritra, ny apostoliko, azy ireo hanomana ny lalana eo anoloan' ny tavako.

140 Ny fahasamihafana eo amin' ity kôlejy ity sy ny kôlejin' ny loholona dia ny iray mitety faritra lalandava ary ny iray miahhy ombieny ombieny ireo fiangonana; ny iray manana andraikitra ombieny ombieny momba ny fiahiana, ary ny iray tsy manana andraikitra momba ny fiahiana, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

141 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, omeko anareo i Vinson Knight, i Samuel H. Smith ary i Shadrach Roundy, raha ta handray izany izy, mba hiahy ny "episkopà; ny fahalalana ny amin' io episkopà voalaza io dia omena ao amin' ny

bokin' ny ^bFotopampianarana sy Fanekepiahavanana.

142 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo, ho mpisorona i Samuel Rolfe mbamin' ny mpanolotsainy ary ny filohan' ireo mpampianatra mbamin' ny mpanolotsainy ary koa ny filohan' ireo diakona mbamin' ny mpanolotsainy, ary koa ny filohan' ny tsatòka mbamin' ny mpanolotsainy.

143 Efa nomeko anareo ireo anjara fanompoana eo ambony sy ireo fanalahidiny ho fanampiana sy ho fitondrana ho an' ny asa fanompoana sy ny "fandavorariana ny olomasiko.

144 Ary ny didy omeko anareo dia ny hamenoanareo ireo anjara fanompoana rehetra ireo sy ny "hanekenareo ireo anarana izay efa voalazako ireo, na ny handavanareo azy ireo amin' ny fihaonambeko;

145 Ary hanomananareo efitra ho an' ireo anjara fanompoana rehetra ireo ao amin' ny tranoko, rehefa manangana izany ho an' ny anarako ianareo, hoy ny Tompo Andriamanitrareo. Izany tokoa. Amena.

FIZARANA 125

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Nauvoo Illinois, ny volana Martsa 1841, momba ireo Olomasina tao amin' ny faritanin' i Iowa (History of the Church, 4:311–312).

1–4, Tokony hanorina tanàna ireo Olomasina ary hivondrona any amin' ireo tsatòkan' i Ziona.

INONA no sitrapon' ny Tompo momba ireo Olomasina ao amin' ny faritanin' i Iowa?

138a TSM Fitopololahy.

141a F&F 68:14; 107:15.

^b TSM Fotopampiana-

rana sy Fanekepiahavanana.

143a Ef. 4:11–14.

144a F&F 26:2.

TSM Faneken' ny Rehetra.

2 Toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: lazaiko aminareo, raha ta hanao ny sitrapoko ireo izay "miantso ny tenany amin' ny anarako sy miezaka ny ho lasa olomasiko, ka mitandrana ny didiko momba azy ireo, dia aoka izy ireo hiarahivondrona amin' ireo toerana izay hotendreko ho azy ireo, amin' ny alalan' i Joseph mpanompoko, ary hanorina tanàna ho an' ny anarako mba ho voamana ho amin' ny fotoana ho avy izy ireo.

3 Aoka izy ireo hanorina tanàna eo amin' ny tany tandrifin' ny tanànan' i Nauvoo, ho an' ny anarako, ary aoka i "Zarahemla no anarana hampitondrainy azy.

4 Ary aoka ireo rehetra izay tonga avy any atsinanana sy andrefana ary avaratra sy atsimo, izay manam-paniriana ny honina eo, handray ny lovany eo, ary koa any an-tanànan' i "Nashville, na any an-tanànan' i Nauvoo ary any amin' ireo ^btsatòka rehetra izay efa notendreko, hoy ny Tompo.

FIZARANA 126

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao an-tranon' i Brigham Young tao Nauvoo, Illinois, ny 9 Jolay 1841 (History of the Church, 4:382). Filohan' ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo i Brigham Young tamin' izay fotoana izay.

1–3, *Nomena sitraka i Brigham Young noho ny asany ary afaka tamin' ny fandehanana hatrizay any ivelany.*

RY "Brigham Young rahalahy malala sady tena ankamiamiana, toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminao: Ry Brigham mpanompoko, tsy takina eo an-tananao toy ny tamin' ny fotoan-dasa intsony

ny handaozanao ny fianakavianao, satria ankasitrahana eo anoloako ny fanatitrao.

2 Efa hitako ny "filofosanao sy ny fikelezanao aina nitety fari-tra noho ny anarako.

3 Koa mandidy anao Aho handefa ny teniko any ivelany sy hikarakara manokana ny "fianakavianao hatramin' izao fotoana izao, hatrizao ary mandrakizay. Amena.

FIZARANA 127

Epistily avy amin' i Joseph Smith Mpaminany ho an' ireo Olomasin' ny Andro Farany tao Nauvoo, Illinois, mirakitra ireo sori-dalana momba ny

125 2a TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran'
i Jesoa Kristy.
3a TSM Zarahemlà.

4a IE Nashville ao amin'
ny Fivondronan' ny
Lee, Iowa.
b TSM Tsaòka.
126 1a TSM Young,

Brigham.
2a TSM Asa.
3a TSM Fianakaviana.

batisa ho an' ny maty, mitondra ny datin' ny 1 Septambra 1842 tao Nauvoo (History of the Church, 5:142-144).

1-4, Nirehareha ny amin' ny fanen-jehana sy ny fahoriana i Joseph Smith; 5-12, Tsy maintsy tanana ireo rakitsoratra momba ny batisa ho an' ny maty.

KOA satria efa nambaran' ny Tompo ahy fa ireo fahavaloko, na ao Missouri na ato amin' ity Faritany ity, dia eo ampanen-jehana ahy indray; ary satria manenjika ahy tsy amin' ny "antony izy ireo ary tsy manana izay aloka na endriky ny fahamarinana na ny zo faran' izay bitika indrindra hiandania amin' ny fampidirany ny fitoriany ahy; koa satria ny filazany dia mifototra avokoa amin' ny lainga faran' izay maizina indrindra, dia noheveriko fa mety ary fahendrena amiko ny mandao ity toerana ity mandritra ny fotoana fohy ho fitandroako ny aiko sy ny ain' ity vahoaka ity. Tiako holazaina aminareo rehetra izay manan-draharaha amiko, fa ny raharahako dia efa napetrako tamin' ireo mpitan-tan-draharaha sy mpitan-tsoratra izay hampandeha faingana sy araka ny tokony ho izy ny raharaha rehetra ary hanao izay hanilihana ara-potoana ny trosako rehetra, amin' ny alalan' ny fanjifana fananana, na amin' ny fomba hafa, araka izay takin' ny toe-javatra na araka izay

mety ho fisehoan-javatra. Rehefa reko fa efa misinda tanteraka ny tafiotra, dia hiverina aminareo indray aho.

2 Ary raha momba ny "loza iantsoana ahy hodiaviko, dia toa zava-bitika amiko ihany izany, satria zary zavatra fahitako nandritra ny androm-piainako rehetra ny ^bfialonana sy ny fisafoahan' ny olona; ary izay mahatonga izany dia toa mystery afa-tsy ny hoe: izaho dia efa "natokana hatry ny talohan' ny fanorenana izao tontolo izao ho amin' ny tanjona tsara na ratsy, araka izay mety hofidinareo hiantsoana izany. Aoka ianareo no hitsara. Andriamanitra dia mahalala ireo zavatra rehetra ireo, na tsara izany na ratsy. Fa na dia eo aza izany, dia ny rano lalina no mahazatra ahy ilomanosana. Zary toetra raiki-tampisaka tamiko izany; dia te hirehareha ny amin' ny "fahoriana toa an' i Paoly aho; fa hatramin' izao andro izao, dia ny Andriamanitr' ireo razako no efa nanafaka ahy tamin' izy rehetra ary hanafaka ahy hatrizao; fa indro, ka jereo, handresy ny fahavaloko rehetra aho, fa ny Tompo no efa niteny izany.

3 Koa aoka ny olomasina rehetra hiravoravo sy ho faly fatra-ta tokoa; fa "Andriamanitr' i Isiraely no Andriamaniny, ary

127 1a Joba 2:3;
Mat. 5:10-12;
1 Pet. 2:20-23.
2a Sal. 23:1-6.

TSM Fanen-jehana.
b TSM Mialona.
d TSM Fanokanana
Mialoha.

e 2 Kor. 6:4-5.
3a 3 Ne. 11:12-14.
TSM Fahoriana.

Izy dia hizara valisoa marina eo ambonin' ny lohan' ireo mpampahory rehetra azy ireo.

4 Ary ankoatra izany, dia toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: Aoka ny asan' ny "tempoliko sy ny asa rehetra izay efa notendreko ho anareo hotohizana fa tsy hatsahatra; ary aoka ny ^bfahazotoanareo sy ny fikirizanareo ary ny faharetanareo sy ny asanareo hitombo avo roa heny, dia tsy hamery mihitsy ny valisoanareo ianareo, hoy ny Tompon' ny Maro. Ary raha "enrehiny ianareo, dia toy izany no nanenrehiny ireo mpaminany sy olo-marina izay talohanareo. Ho an' izany rehetra izany dia misy valisoa any an-danitra.

5 Ary ankoatra izany, dia omeko anareo ny teny momba ny "batisa ho an' ny ^bmaty eo aminareo.

6 Toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo aminareo momba ny maty eo aminareo: Rehefa misy eo aminareo "atao batisa ho an' ny maty, dia aoka hisy ^bmpitam-boky, ary aoka izy hanatri-maso ny batisanareo; aoka izy hihaino amin' ny sofiny mba hahazoa ny mijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana, hoy ny Tompo;

7 Ka izay rehetra ao anatin' ny rakitsoratrareo dia ho azo

"raketina any an-danitra; na inona na inona ^bfehezinareo etỳ an-tany dia ho azo fehezina any an-danitra; na inona na inona vahanareo etỳ an-tany dia ho azo vahana any an-danitra; 8 Fa Izaho dia efa madiva ny "hamerina indray etỳ an-tany zavatra maro mikasika ny ^bfisoronana, hoy ny Tompon' ny Maro.

9 Ary ankoatra izany, dia aoka ny "rakitsoratra rehetra halamina mba ho azo apetraka ao amin' ny fitehirizan' ny tempoliko masina, mba hotanana ho fahatsiarovana hatrany amin' ny taranaka fara aman-dimby, hoy ny Tompon' ny Maro.

10 Te hilaza amin' ny olomasi-na rehetra aho fa niriko, tamin' ny faniriana lehibe fatratra tokoa, ny handaha-teny aminy momba ny batisa ho an' ny maty avy eo amin' ny polipitra amin' ny sabata manaraka. Nefa noho ny tsy fahafahako manao izany, dia hosoratako ombieny ombieny ny tenin' ny Tompo momba izany zavatra izany, ary koa ireo zavatra hafa maro ary halefako aminareo an-taratasy izany.

11 Ankehitriny dia mamarana ny taratasiko aho amin' izao fotoana izao, noho ny tsy fanana-ko fotoana misimisy kokoa; fa efa miandry kendry tohina ny fahavalo ary araka ny tenin' ny

4a F&F 124:55.

^b TSM Fahazotoana.

^d TSM Fanenrehana.

5a TSM Batisa—Batisa ho an' ny maty.

^b TSM Famonjena ho an' ny Maty.

6a 2 Tan. 15:29;

F&F 128:13, 18.

^b F&F 128:2–4, 7.

7a TSM Bokin' ny

Fiainana.

^b TSM Famehezana.

8a TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

^b TSM Fisoronana Melkizedeka.

9a F&F 128:24.

Mpamonjy hoe: “avy ny “prinsin’ izao tontolo izao nefa tsy manana na inona na inona ato Amiko izy.”

12 Indro ny vavaka ataoko amin’ Andriamanitra dia ny hazoana mamonjy anareo rehe-tra. Ary izaho dia misora-tena

eto ambany ho mpanomponareo ao amin’ ny Tompo, mpaminany ary “mpahitan’ Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany.

JOSEPH SMITH.

FIZARANA 128

Epistily avy amin’ i Joseph Smith Mpaminany ho an’ Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany, mirakitra sori-dalana bebe kokoa momba ny batisa ho an’ ny maty ary mitondra ny datin’ ny 6 Septambra 1842, tao Nauvoo Illinois (History of the Church, 5:148–153).

1–5, Ireo mpitam-boky eo an-toe-rana sy mpitam-boky tompotoerana dia tsy maintsy vavolombelona manamarina ireo fanaovana batisa ho an’ ny maty; 6–9, Manan-kery ny firaketan’ izy ireo ary raketina eto an-tany sy any an-danitra izany; 10–14, Ny batistera dia tandindon’ ny fasana; 15–17, Elia no namerina indray ny fahefana momba ny batisa ho an’ ny maty; 18–21, Efa naverina avokoa ireo fanalahidy, hery ary fahefan’ ny fotoampitantanana lasa; 22–25, Vaovao mahafaly sy be voninahitra ho an’ ny velona sy ny maty no ambara.

TOY izay nolazaiko tamina-reo tao amin’ ny taratasiko, talohan’ ny nandaozako ny toerako, fa hanoratra ombieny ombieny aminareo aho ary hanome anareo vaovao momba ireo lohahevitra maro, dia tohiziko ankehitriny ny lohahevitra momba

ny “batisa ho an’ ny maty, noho io lohahevitra io toa mibahana ato an-tsaiko ary manery mafy indrindra ny fihetseham-poko hatramin’ ny nanenjehan’ ny fahavaloko ahy.

2 Nanoratra taminareo ireo teny vitsin’ ny fanambarana momba ny mpitam-boky aho. Efa nahazo fahalalana amboniny aho momba ity matoandresaka ity izay hamariniko aminareo ankehitriny. Izany hoe, efa nambarako tao amin’ ny taratasiko teo aloha fa tokony hisy “mpitam-boky izay tokony hanatri-maso, ary koa hihaino amin’ ny sofiny mba hahazoa-ny manao ny rakitsoratra ny fahamarinana eo anoloan’ ny Tompo.

3 Ankehitriny, momba ity matoan-dresaka ity, dia mety ho tena sarotra ho an’ ny mpitam-boky iray ny manatrika ny fo-

11a Jao. 14:30;
DJS, Jao. 14:30.
TSM Devoly.

12a F&F 124:125.
TSM Mpahita.
128 1a TSM Batisa—Batisa

ho an’ ny maty.
2a F&F 127:6.

toan-drehetra sy ny manao ny zava-drehetra. Mba hisorohana izany fahasarotana izany dia tokony hisy mpitam-boky hotendrena any amin' ny paroasy tsirairay isan-tanàna, izay tena havanana amin' ny fandraisana an-tsoratra mazava; ary aoka handray an-tsoratra amin' ny an-tsipirihany sy ny andinindiny ny fandehan-javatra iray manontolo izy, sady hanamarina ao amin' ny rakitsorany fa nijery tamin' ny masony ary nihaino tamin' ny sofiny, ka hanome ny daty sy ny anarana sy ny sisa ary ny tantaran' ny fisehoan-javatra iray manontolo; hanome koa ny anaran' ny olona telo izay manatrika, raha misy ny manatrika, izay azo antsoina hanamarina izany amin' ny fotoan-drehetra, mba ho amin' ny vavan' ny "vavolombelona roa na telo no hahazoana manorina ny teny rehetra.

4 Rehefa izany dia aoka hisy mpitam-bokim-piangonana tompotoerana izay tolora ireo rakitsoratra hafa ireo, miaraka amin' ireo fanamarinana mitondra ny sonian' izy ireo, izay manamarina fa ny rakitsoratra izay nataon' izy ireo, dia marina. Rehefa izany dia afaka mampiditra ny rakitsoratra ao amin' ny bokim-piangonana ny mpitam-bokim-piangonana tompontoerana, miaraka amin' ireo fanamarinana sy ireo vavolombelona nanatrika rehetra, miaraka amin' ny fanambarany fa mino marina tokoa izy fa ny

filazana etsy ambony mbamin' ny rakitsoratra dia marina, araka ny fahalalany ny toetra ankapobeny sy ny fanendren' ny fiangonana ireo lehilahy ireo. Ary rehefa voarakitra ao amin' ny bokim-piangonana izany, dia ho masina ihany koa ny rakitsoratra ary hampanan-kery ny ôrdônansy, miova tsy nijery tamin' ny masony izy ary nihaino tamin' ny sofiny ka nitana izany an-tsoratra tao amin' ny bokim-piangonana.

5 Mety hihevitra ity fandaminan-javatra ity ho tena miavaka ianareo; nefa mamelà ahy hilaza aminareo fa izany dia ny mba hanatontosana ihany ny sitrapon' Andriamanitra, amin' ny fanarahana ny ôrdônansy sy ny fiomanana izay natokan' ny Tompo, ary nomanina talohan' ny fanorenana izao tontolo izao, ho "famonjena ny maty, izay maty tsy ^bnahafantatra ny filazantsara.

6 Ary ambonin' izany, dia tia-ko hotadidinareo fa i Jaona Mpanambara dia nandinika ity lohahevitra momba ny maty ity, indrindra raha nilaza izy, araka izay ho hitanareo voasoratra ao amin' ny Fanambarana 20:12, manao hoe: *Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan' Andriamanitra; ary novelarina ireo boky; ary nisy boky iray hafa novelarina, dia ny bokin' ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo amin' ireo boky, araka ny asany.*

7 Ho hitanareo amin' io teny notsahiviny io fa novelarina ireo boky; ary nisy boky iray hafa novelarina, dia ny "bokin' ny fiainana izany; fa ireo maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo amin' ireo boky, araka ny asany; Noho izany, ireo boky voalaza dia tsy maintsy ho ireo boky izay mirakitra ny fitantarana ny asany ka mikasika ireo ^bboky izay tanana etỳ an-tany. Ary ny boky izay ny bokin' ny fiainana dia ny boky izay tanana any an-danitra; dia fitsipika izay mifanaraka indrindra amin' ny fotopampianarana izay andidiana anareo ao amin' ny fanambarana voarakitra ao amin' ny taratasy izay nosoratako ho anareo talohan' ny nandaozako ny toerako—fa izay rehetra ao anatin' ny rakitsoratrareo dia ho azo raketina any an-danitra.

8 Ankehitriny ny toeran' io ôrdônansy io dia mifototra amin' ny "herin' ny fisoronana, amin' ny alalan' ny fanambaran' i Jesoa Kristy, izay amin' ny alalany no anomezana fa na inona na inona ^bfehezinareo etỳ an-tany dia hofehezinareo any an-danitra, ary na inona na inona vahanareo etỳ an-tany dia hovahana any an-danitra. Na amin' ny teny hafa, raha jerena amin' ny lafiny hafa ny dika teny, na inona na inona raketinareo an-tsoratra etỳ an-tany dia horake-

tina an-tsoratra any an-danitra, ary na inona na inona no tsy raketinareo an-tsoratra etỳ an-tany dia tsy horaketina an-tsoratra any an-danitra; fa avy amin' ireo boky no hitsarana ny maty eo aminareo, araka ny asany, na izy tenany mihitsy no nananton-tosa ny ^dôrdônansy na tamin' ny alalan' ny *solontenany*, araka ny ôrdônansy izay nomanin' Andriamanitra ho "famondra azy hatry ny talohan' ny fanorenana izao tontolo izao, araka ny rakitsoratra izay efa notanan' izy ireo momba ny maty eo aminy.

9 Mety ho fotopampianarana tena sahy ho an' ny sasany ny firesahantsika ny momba ny—hery izay mirakitra an-tsoratra na mamehy etỳ an-tany sy mamehy any an-danitra. Kanefa tamin' ireo vanim-potoana rehetra teto an-tany, isaky ny nomen' Andriamanitra ny lehilahy na ny andian-dehilahy ny "fotoampitantanan' ny fisoronana, tamin' ny alalan' ny fanambarana mivantana, dia nomena mandrakariva io hery io. Koa na inona na inona nataon' ireo lehilahy ireo tamin' ny ^bfahefana, tamin' ny anaran' ny Tompo, ary natao tamin' ny fahamarinana sy ny fahatokiana ka nitanana rakitsoratra mety sy mahatoky, dia manjary lalàna tetỳ an-tany sy tany an-danitra izany ary tsy azo foanana araka ny didim-pitondran' ilay ^dJehovah lehibe.

7a Fan. 20:12;
F&F 127:6-7.
TSM Bokin' ny
Fiainana.
b F&F 21:1.

8a TSM Hery; Fisoronana.
b TSM Famehezana.
d TSM Ôrdônansy.
e TSM Famondra ho
an' ny Maty.

9a TSM Fotoampitanta-
nana.
b TSM Fahefana.
d TSM Jehovah.

Mahatoky izany teny izany. Iza no afaka hihaino izany?

10 Ary ankoatra izany, dia mbola alohan' izany ny Matio 16:18, 19: *Ary Izaho milaza aminao koa: Ianao no Petera ary ambonin' ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin' ny helo tsy haharesy azy. Ary homeko anao ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao etỳ ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao etỳ ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra.*

11 Ankehitriny ny tsiambara-telo lehibe sy goavana amin' ny matoan-dresaka manontolo ary ny tena fanaperana amin' ny lohateny manontolo izay mipetraka eo anoloantsika dia ny manao izay hahazoana ny herin' ny Fisoronana Masina. Ho an' izay omena ireo "fanalahidy ireo dia tsy misy fahasaratana ny fahazoana fahalalana momba ny ^bfamonjena ny zanak' olombelona, na ho an' ny maty na koa ho an' ny velona.

12 Ao anatin' izao ny "voninahitra sy ny ^blaza ary ny "tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay —Ny ôrdônansin' ny batisa amin' ny rano dia ny "hasitrika ao anatin' mba hisian' ny fitoviana amin' ny maty, mba hahatonga ny fitsipika iray hifanaraka amin' ny iray hafa; hasitrika ao anaty rano dia havoaka avy ao anaty rano, ho

tandindon' ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, mivoaka ny fasana; koa ity ôrdônansy ity dia najoro mba hisy fifandraisana amin' ny ôrdônansin' ny batisa ho an' ny maty satria manam-pitoviana amin' ny maty.

13 Noho izany, dia natsangana ny "batistera mba ^bhanam-pitoviana amin' ny fasana, ary nodidina ny hisiany eo ambanin' ny toerana izay mahazatra ny velona ny mivory eo aminy, mba hanehoana ny velona sy ny maty, ka hahatonga ny zavadrehetra hanam-pitoviana amin' ny ary hahatonga azy ireo hifanaraka, ka izay an' ny tany dia hifanaraka amin' izay an' ny lanitra, araka izay efa voalazan' i Paoly ao amin' ny 1 Korintiana 15:46, 47 ary 48, manao hoe:

14 *Kanefa izay tsy avy amin' ny fanahy no voalohany fa izay avy amin' ny mananaina; dia vao izay avy amin' ny fanahy. Ny olona voalohany avy amin' ny tany dia tany; ny olona faharoa dia ny Tompo avy any an-danitra. Izay avy amin' ny tany dia tahaka ilay avy amin' ny tany; ary izay avy any an-danitra dia tahaka ilay avy any an-danitra.* Ary tahaka ireo rakitsoratra etỳ an-tany momba ny maty eo aminareo izay tanana amim-pahamarinana tokoa, dia tahaka izany koa ireo rakitsoratra any an-danitra. Koa izany no hery "mamehy sy matotra, ary amin' ny hevi-teny

11a TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.
b TSM Famonjena.
12a TSM Voninahitra.

b TSM Manaja.
d TSM Tsy Fahafatesana.
e TSM Batisa—Batisa asitrika.

13a F&F 124:29.
b TSM Fanehoana an' Ohatra.
14a TSM Famehezana.

iray hafa, ireo ^bfanalahidin' ny fanjakana izay misy ny fanalahidin' ny ^afahalalana.

15 Ary ankehitriny ry rahalahy sy anabavy malala sy anka-mamiana tokoa, toky no omeko anareo fa ireo dia fitsipika momba ny maty sy ny velona izay tsy azo hamaivanina, satria mikasika ny famonjena antsika. Fa ny ^afamonjena azy ireo dia ilaina sady zava-dehibe ho an' ny famonjena antsika, toy ny lazain' i Paoly momba ireo razana—fa tsy hatao ^btanteraka izy ireo raha tsy eo isika—isika koa dia tsy hatao tanteraka raha tsy eo ny maty eo amintsika.

16 Ary ankehitriny momba ny batisa ho an' ny maty, dia homeko anareo ny teny iray hafa nambaran' i Paoly, ao amin' ny 1 Korintiana 15:29: *Raha tsy izany, hanao ahoana izay atao batisa amin' ny maty? Raha tsy hatsangana mihitsy ny maty, nahoana ireny no atao batisa ho an' ny maty?*

17 Ary ankoatra izany, noho ny fifandraisany amin' io teny notsahivina io no hanomezako anareo teny notsahivina iray avy tamin' ny iray amin' ireo mpaminany izay nampibanjina ny masony tamin' ny ^afamerenana indray ny fisoronana, ireo voninahitra hambara amin' ny andro farany, ary indrindra fa ity lohahevitra faran' izay be voninahitra amin' ny rehetra ity

izay an' ny filazantsara maharitra mandrakizay, dia ny batisa ho an' ny maty izany; fa hoy i Malakia ao amin' ny toko 3, andininy faha-23 sy faha-24: *Indro, Izaho haniraka an' i ^bElia mpaminany ho aminareo dieny tsy mbola tonga ny andron' ny Tompo, ilay lehibe sady mahatahotra; ary izy hampody ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny rainy, fandrao ho avy Aho hamely ny tany amin' ny ozona.*

18 Mety ho azoko ^anohazavaina misimisy kokoa ny dikan' izany saingy efa mazava izany mba hifanaraka amin' ny tanjoko. Ampy ny mahafantatra, amin' ity toe-javatra ity, fa ho voan' ny ozona ny tany raha tsy misy ny fifamatorana, na toy inona na toy inona karazany, ^bmampifamatotra ny ray sy ny zanaka amin' ny lohahevitra iray na hafa—ary indro, inona izany lohahevitra izany? Ny ^abatisa ho an' ny maty izany. Fa tsy hatao tanteraka isika raha tsy eo izy ireo; tsy hatao tantetaka koa izy ireo raha tsy eo isika. Na izy ireo na isika dia samy tsy hatao tanteraka raha tsy eo ireo izay efa maty tao amin' ny filazantsara koa; fa ilaina amin' ny fisantarana ny ^afitantanan' ny fotoam-pahafenoana, dia fotoampitantanana izay manomboka santarina ankehitriny, ny hisian' ny fikam-

14b TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

d DJS, Lio. 11:53.

15a TSM Famonjena ho an' ny Maty.

b Heb. 11:40.

TSM Tanteraka.

17a TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b 3 Ne. 25:5–6;

F&F 2:1–3; 110:13–16.

TSM Elia.

18a JS—T 1:36–39.

b TSM Tetiarana;

Ôrdônansy—

Ôrdônansy isoloana tena.

d F&F 124:28–30; 127:6–7.

e TSM Fotoampitantanana.

banana sy ny firaisana feno, tanteraka ary tonga lafatra ny fotoampitanana sy ny fanalahidy ary ny hery sy ny voninahitra, ary hambara hatramin' ny andron' i Adama ka hatramin' izao fotoana izao izany. Ary tsy izany ihany, fa ireo zavatra izay tsy nambara na oviana na oviana hatry ny ^ffanorenana izao tontolo izao ireo, fa efa notanana hiafina amin' ny hendry sy ny mahay, dia hambara amin' ny ^szaza menavava sy minono ao amin' ity fitantanana' ny fotoam-pahafenoana ity.

19 Ankehitriny, inona no rentsika ao amin' ny filazantsara izay efa noraisintsika? Feon' ny fifaliana! Feon' ny famindram-po avy any an-danitra; ary feon' ny ^afahamarinana avy ao amin' ny tany; vaovao mahafaly ho an' ny maty; ny feon' ny fifaliana ho an' ny velona sy ny maty; ^bvaovao mahafaly sy fifaliana lehibe. Akory ny hatsaran' ny ^dtongotr' ireo erỳ an-tendrom-bohitra izay mitondra teny mahafaly ary manao amin' i Ziona hoe: Indro, manjaka ny Andriamanitrao! Tahaka ny ^eandon' i Karmela no hilatsahan' ny fahalalana avy amin' Andriamanitra amin' izy ireo!

20 Ary ankoatra izany, dia inona no rentsika? Vaovao mahafaly avy any ^aKomôrà! ^bMôrônia, ilay anjely avy any an-danitra, nanambara ny fahatanterahan' ireo faminaniana — ilay ^dboky tokony havoaka. Ny feon' ny Tompo tany an-tany foanan' i ^eFayette, fivondronan' i Seneca, nilaza tamin' ireo vavolombelona telo ^fnijoro ho vavolombelon' ny boky! Ny feon' i ^gMikaela, namantatra ny devoly teo amoron' i Susquehanna, fony izy niseho toy ny anjelin' ny ^hfahazavana! Ny feon' i ⁱPetera, i Jakoba ary i Jaona tany an-tany foana manelanelana an' i Harmony, fivondronan' i Susquehanna sy Colesville, fivondronan' i Broome, teo amin' ny renirano Susquehanna, nanambara fa ananan' izy ireo ny ^jfanalahidin' ny fanjakana sy ny an' ny fitantanana' ny fotoampahafenoana!

21 Ary ankoatra izany, ny feon' Andriamanitra tao an' efitranon' ikaky Whitmer ^aRainy tao Fayette, fivondronan' i Seneca, ary tamin' ny fotoana samihafa sy toerana samihafa, nandritra ny dia rehetra sy ny fahorian' ity Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro fa-

18f F&F 35:18.

g Mat. 11:25;

Lio. 10:21;

Almà 32:23.

19a Sal. 85:10–11.

b Lio. 2:10.

d Isa. 52:7–10;

Môsà 15:13–18;

3 Ne. 20:40.

e Deot. 32:2;

F&F 121:45.

20a JS—T 1:51–52.

TSM Komôrà,
Havoan' i.

b TSM Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

d Isa. 29:4, 11–14;

2 Ne. 27:6–29.

TSM Bokin' i

Môrmôna.

e TSM Fayette, New

York (Etazonia).

f F&F 17:1–3.

g F&F 27:11.

TSM Adama.

h 2 Kor. 11:14.

i F&F 27:12.

j TSM Fanalahidin'
ny Fisoronana.

21a IE Peter Whitmer,
rainy.

rany ity! Ary ny feon' i Mikaela, ilay arikanjely; ny feon' i ^bGabriela sy ny an' i ^dRafaela ary ny an' ireo ^eanjely samihafa, hatramin' i Mikaela na i ^fAdama ka hatramin' izao fotoana izao, izay samy nanambara avokoa ny ^gfotoampitantanany, ny zony, ny fanalahidiny, ny lazany, ny fiandrianany, ary ny voninahiny, ary ny herin' ny fisoronany; nanome andalana anampy andalana, ^hfitsipika anampy fitsipika; kely etsy, ary kely erỳ; nanome antsika fiononana tamin' ny fitoriana tamintsika izay ho avy, ka nanamafy ny ⁱfanantenantsika!

22 Ry rahalahy! Tsy hitozo ao amin' ity tanjona lehibe tokoa ity va isika? Andeha handroso fa tsy hihemotra. Mahereza ry rahalahy; dia mandrosoa, mandrosoa mankamin' ny fandresena! Aoka hiravoravo ny fonareo ary ho faly fatratra tokoa. Aoka ny tany hamelona ^ahoby. Aoka ny maty hiventy antsam-piderana mandrakizay ho an' i ^bImanoela Mpanjaka, izay efa nanokana talohan' ny nisian' izao tontolo izao ny fomba hahafahantsika ^cmanavotra azy ireo hiala avy ao amin' ny ^dfonjan' izy ireo; fa handeha malalaka ny voafonja.

23 Aoka ny ^etendrombohitra

hihiaka ny fifaliany ary ianareo lohasaha rehetra hiantso mafy; ary ianareo ranomasina rehetra sy tany maina hitantara ny zava-mahagagan' ny mpanjakanareo Mandrakizay! Ary ianareo renirano sy sakelidrano ary lakandrano hikoriana amimpifaliana. Aoka ny ala sy ny hazo rehetra any an-tsaha hidera ny Tompo; ary ianareo ^bvatolampy makadiry hanao ranomasom-pifaliana. Ary aoka ny masoandro, ny volana ary ny ^dkintan' ny maraina hiarahihira, ary aoka ireo zanakalahin' Andriamanitra rehetra hihiaka ny fifaliany! Ary aoka ireo voary mandrakizay hitory ny anarany mandrakizay mandrakizay! Ary lazaiko aminareo indray, endre ny voninahitry ny feo rentsika avy any an-danitra, mitory eo an-tsofin-tsika ny voninahitra sy ny famonjena, ary ny laza sy ny ^etsy fahafatesana, ary ny ^ffiainana mandrakizay; fanjakana, fanapahana ary hery!

24 Indro, efa antomotra ny ^aandro lehiben' ny Tompo; ary iza no ^bhahatanty ny andro hia-viany ary iza no ho tafajanona rehefa miseho Izy? Fa Izy dia tahaka ny afon' ny ^cmpandrendrika sy tahaka ny savonin' ny mpanasa lamba; ary hipetraka

21b TSM Gabriela.

d TSM Rafaely.

e TSM Anjely.

f F&F 107:53-56.

g TSM Fotoampitantanana.

h Isa. 28:10.

i TSM Fanantenana.

22a Isa. 49:13.

b Isa. 7:14; Almà 5:50.

TSM Imanoela.

d TSM Fanavotana.

e Isa. 24:22;

F&F 76:72-74.

23a Isa. 44:23.

b Lio. 19:40.

d Joba 38:7.

e TSM Tsy

Fahafatesana.

f TSM Fiainana

Mandrakizay.

24a TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

b Mal. 3:1-3.

d 3 Ne. 24:2-3.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

toy ny ‘mpandrendrika sy ny mpanadio volafotsy Izy ary hanadio ireo zanakalahin’ i ‘Levy, ka hanadio azy ireo toy ny volamena sy ny volafotsy, mba hahazoan’ izy ireo manatitra ^sfanatitra amim-pahamarinana ho an’ ny Tompo. Koa aoka isika, amin’ ny maha-fiangonana sy vahoaka ary Olomasin’ ny Andro Farany antsika, hanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an’ ny Tompo; ary aoka isika ho ao amin’ ny tempoliny masina rehefa vita izany, hanolotra ny boky mirakitra ny ^hrakitsora-

try ny maty eo amintsika, izay ho mendrika ny fankasitrahana rehetra.

25 Ry rahalahy, manana zava-tra maro holazaina aminareo aho momba io lohahevitra io; saingy hamarana ity lahateny ity aho amin’ izao fotoana izao ary hanohy izany amin’ ny fotoana hafa. Izaho dia mijanona mandrakariva ho mpanomponareo tsotra sy namanareo tsy mivadika na oviana na oviana,

JOSEPH SMITH.

FIZARANA 129

Torolalana nomen’ i Joseph Smith Mpaminany, tao Nauvoo, Illinois, ny 9 Febroary 1843, izay mampahafantatra ireo fanalahidy lehibe telo izay ahazoana manavaka ny toetra marin’ ireo anjely manompo sy fanahy (History of the Church, 5:267).

1–3, *Samy misy any an-danitra na ireo vatana natsangana tamin’ ny maty na ireo vatan’ ny fanahy; 4–9, Nomena ireo fanalahidy izay ahazoana mamantatra ireo iraka avy any ankoatra ny voaly.*

MISY karazan’ olona roa Many “an-danitra, dia ireo ^bAnjely izay olona ^anatsangana tamin’ ny maty sady manana vatana nofo sy taolana —

2 Ohatra, i Jesoa dia niteny hoe: *Tsapao Aho ka jereo fa ny matoatoa tsy mba manana “nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao.*

3 Faharoa, ny “fanahin’ ny

^bolona marina natao fanapera-na, izay tsy natsangana tamin’ ny maty saingy mandova izany voninahitra izany ihany.

4 Rehefa misy iraka tonga ka milaza ho manana hafatra avy amin’ Andriamanitra, dia atolory azy ny tananao ary angataho izy hifandray tanana aminao.

5 Raha anjely izy dia hanao izany ary ho tsapanao ny tanany.

6 Raha fanahin’ olona marina natao fanapera-na izy dia ho tonga amin’ ny voninahiny; satria izay ihany no fomba ahafahany miseho —

24e Zak. 13:9.
f Deot. 10:8;
F&F 13:1; 124:39.
g F&F 84:31.
TSM Fanatitra.

h F&F 127:9.
TSM Tetiarana.
129 1a TSM Lanitra.
b TSM Anjely.
d TSM Fitsanganana

amin’ ny Maty.
2a Lio. 24:39.
3a TSM Fanahy.
b Heb. 12:23;
F&F 76:69.

7 Angataho hifandray tanana aminao izy fa tsy hihetsika, satria mifanohitra amin' ny din' ny lanitra ny hamitahan' ny olona marina; fa hampita ny hafany ihany izy.

8 Raha “devoly miseho amin' ny endriky ny anjelin' ny hazavana izany, rehefa angatahina-

reo hifandray tanana aminareo izy dia hanolotra ny tanany ary tsy hahatsapa na inona na inona ianareo; koa ho hainareo ny mamantatra azy.

9 Ireo no fanalahidy lehibe telo izay ahaizanareo mamantatra izay mety ho fisehoana avy amin' Andriamanitra.

FIZARANA 130

Ireo lafim-pampianarana nomen' i Joseph Smith Mpaminany tao Ramus, Illinois, ny 2 Aprily 1843 (History of the Church, 5:323–325).

1–3, *Mety hiseho manokana amin' ny olona ny Ray sy ny Zanakà; 4–7, Mitoetra any amin' ny tontolo selestialy ny anjely; 8–9, Ny tany selestialy dia ho Orima sy Tomima lehibe; 10–11, Omena vato fotsy ireo rehetra izay miditra ny tontolo selestialy; 12–17, Ny fotoan' ny Fiaviana Fanindroany dia notanana tsy ho fantatry ny Mpaminany; 18–19, Ny faharanitan-tsaina azontsika teo amin' izao fiainana izao dia hiara-hitsangana amintsika amin' ny Fitsanganana amin' ny maty; 20–21, Ny fitahiana rehetra dia avy amin' ny fankatoavana ny lalàna; 22–23, Manana vatana nofo sy taolana ny Ray sy ny Zanakà.*

REHEFA “hiseho ny Mpamonjy dia ho hitantsika araka ny maha-Izy Azy tokoa Izy. Ho hitantsika fa ^bolona tahaka antsika Izy.

2 Ary ny fiaraha-miaina izay misy etoana eo anivontsika ihany no hisy eo amintsika any, saingy izany dia homban' ny “voninahitra mandrakizay, dia voninahitra izay tsy ananantsika ankehitriny.

3 Jaona 14:23—Ny fisehoan' ny “Ray sy ny ^bZanakà eo amin' io andininy io dia “fisehoana mivantana; ary ny fiheverana fa ny Ray sy ny Zanakà dia “honina ao am-pon' ny olona dia fiheveran' ny antokom-pivavahana tranainy sady diso.

4 Ho valin' ny fanontaniana hoe: Moa va ny fikajiana ny “fotoanan' Andriamanitra, ny fotoanan' ny anjely, ny fotoanan' ny mpaminany ary ny fotoanan' ny olona, miankina amin' ny planeta izay onenany?

5 Dia valiako hoe: Æny. Saingy

8a 2 Kor. 11:14; 2 Ne. 9:9.
130 1a 1 Jn. 3:2;
Môrô. 7:48.
TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.
b Lio. 24:36–40.
2a TSM Voninahitra

Selestialy.
3a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.
b TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Zanakà.
d F&F 93:1.

e F&F 130:22.
TSM Andriamanitra.
4a 2 Pet. 3:8; Abr. 3:4–10;
jereo koa Tahadika
no. 2, sary 1, ao
amin' ny bokin' i
Abrahama.

tsy misy "anjely izay miahny ny tany afa-tsy ireo izay an' ny tany na efa tetỳ an-tany.

6 Tsy monina amin' ny plane-ta toy ity tany ity ireo anjely;

7 Fa izy ireo dia monina eo anatrehan' Andriamanitra, ami-na bola toy ny "ranomasina fita-ratra sy ^bafo, izay eo amin' izany no aharihary ny zava-drehetra, ny lasa, ny ankehitriny ary ny hoavy, ho voninahitr' izy ireo, ary eo anoloan' ny Tompo man-drakariva izany.

8 Ny toerana izay onenan' Andriamanitra dia "Orima sy Tomima lehibe.

9 Ity "tany ity, amin' ny toetra-ny nohamasinina sy tsy mety-maty, dia hatao mitovy amin' ny vatomazava, ary izany dia ho Orima sy Tomima izay hampiharihariana amin' ireo izay monina eo aminy ny zava-drehetra mikasika ny fanjakana ambany na ireo fanjakana amin' ny lamina ambanimbany kokoa; ary ho fananan' i Kristy ity tany ity.

10 Amin' izay ny vato fotsy voalazan' ny Fanambarana 2:17, ho an' ny olona tsirairay izay mahazo anankiray, dia ho lasa Orima sy Tomima izay hampahafantarana ny zavatra mikasika ireo fanjakana ambony lamina kokoa;

11 Ary ny tsirairay amin' ireo izay tonga ao amin' ny fanjaka-na selestialy dia omena "vato

fotsy iray misy ^banarana vaovao voasoratra, izay tsy misy olona mahafantatra afa-tsy ilay mandray izany. Ilay anarana vaovao no teny fanalahidy.

12 Izaho dia maminany amin' ny anaran' ny Tompo Andriamanitra, fa ny fiandohan' ny "fahasarotana izay hahatonga fandatsahan-dra be, mialohan' ny fiavian' ny Zanak' olona, dia hitranga ao ^bSouth Carolina.

13 Toa noho ny resaka fanandevozana hitrangan' izany. Izany no nolazain' ny feo tamiko fony aho nivavaka tamin-kafanam-po momba izany ny 25 Desambra 1832.

14 Indray maka dia tena nivavaka tamin-kafanam-po tokoa aho mba hahafantatra ny fotoana "hiavian' ny Zanak' olona raha nandre feo namerina izao manaraka izao:

15 Ry Joseph, zanakalahiko, raha velona hatrany amin' ny fahadimy amby valopolon' ny taonanao ianao dia hahita ny tavan' ny Zanak' olona; koa aoka ho ampy izay ary aza manelingelina Ahy intsony momba izany raharaha izany.

16 Dia navela toy izany aho, tsy afaka namantatra raha toa io fiaviana io ka mifandray amin' ny fanombohan' ny arivotaona, na amin' ny fisehoana mialoha, na raha toa ho faty aho ary dia hahita ny tavany.

17 Mino aho fa tsy hitranga

5a TSM Anjely.

7a Fan. 4:6; 15:2.

^b Isa. 33:14; F&F 132:1-3.

8a TSM Orima sy Tomima.

9a F&F 77:1.

TSM Tany—Toetra
faran' ny tany.

11a Fan. 2:17.

^b Isa. 62:2.

12a F&F 38:29; 45:63.

^b F&F 87:1-5.

14a TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

mialohan' izany fotoana izany ny fiavian' ny Zanak' olona.

18 Na toy inona na toy inona ny "faharanitan-tsaina tratran-tsika eto amin' izao fiainana izao, dia hiara-hitsangana amin-tsika izany amin' ny ^bfitsanganana amin' ny maty.

19 Ary raha mahazo "fahalalana sy faharanitan-tsaina bebe kokoa noho ny iray hafa ny olona iray, eo amin' izao fiainana izao, noho ny ^bfahazotoany sy ny ^dfankatoavany, dia hanana "tombony mifanentana amin' izany izy any amin' ny tontolo ho avy.

20 Misy "lalàna navoaka tsy azo novana tany an-danitra, ^btalohan' ny fanorenana izao

tontolo izao, izay ifotoran' ny ^dfitahiana rehetra—

21 Ary rehefa mahazo fitahiana avy amin' Andriamamitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany.

22 Ny "Ray dia manana ^bvatananofo sy taolana azo tsapaina toy ny an' ny olona; ny Zanak' koa; fa ny ^dFanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy, fa raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina.

23 Mety handray ny "Fanahy Masina ny olona, ary mety hidina eo aminy izany fa tsy hiara-mitoetra aminy.

FIZARANA 131

Torolalana nomen' i Joseph Smith Mpaminany tao Ramus, Illinois, tamin' ny 16 sy 17 Mey 1843 (History of the Church, 5:392–393).

1–4, Ny fanambadiana selestialy no fototry ny fisandratana ao amin' ny lanitra avo indrindra; 5–6, Hazavaina ny fomba ifehezana ny olona ho amin' ny fiainana mandrakizay; 7–8, Ny fanahy rehetra dia singan-javatra.

AO amin' ny "voninahitra selestialy dia misy lanitra telo na ambaratonga;

2 Ary mba hahazoana ny "avo indrindra, ny olona dia tsy maintsy miditra ao amin' ity lamin' ny fisoronana ity [dia ny fanekepiahavanana vaovao sy maharitra mandrakizain' ny ^bfanambadiana];

3 Ary raha tsy manao izany izy dia tsy afaka ny hahazo izany.

4 Mahazo miditra ao amin' ny

18a TSM Faharanitan-Tsaina.

b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

19a TSM Fahalalana.

b TSM Fahazotoana.

d TSM Mankatò.

e Almà 12:9–11.

20a F&F 82:10.

b TSM Fiainana

Talohan' ny Fiainana An-tany.

d Deot. 11:26–28;

F&F 132:5.

TSM Fitahiana.

22a TSM Andriamamitra.

b Asa 17:29.

d TSM Fanahy Masina.

23a TSM Fanomezana ny

Fanahy Masina.

131 1a F&F 76:70.

TSM Voninahitra Selestialy.

2a F&F 132:5–21.

TSM Fisandratana.

b TSM Fanambadiana—Fanekepiahavanana vaovao sy maharitra mandrakizain' ny fanambadiana.

hafa izy, saingy izany no fiafaran' ny fanjakany; tsy afaka ny hanana "fitomboana izy.

5 (17 Mey 1843.) Ny tenin' ny "faminaniana mafy orina kokoa dia ny fahalalan' ny olona fa izy dia ^bfehezina ho amin' ny ^dfiainana mandrakizay amin' ny alalan' ny fanambarana sy ny fanahin' ny faminaniana, amin' ny alalan' ny herin' ny Fisoronana Masina.

6 Tsy azo heverina ny "hamon-

jena ny olona ao amin' ny ^btsy fahalalana.

7 Tsy misy na inona na inona tsy avy amin' ny tamba-tsinga. Ny "fanahy rehetra dia tamba-tsinga, saingy madio sy malefaka kokoa ary tsy hay avahana raha tsy amin' ny maso ^bmadio kokoa;

8 Tsy haintsika jerena izany; fa rehefa voadio ny vatantsika dia ho hitantsika fa tamba-tsingaga avokoa izany.

FIZARANA 132

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Nauvoo, Illinois, noraketina ny 12 Jolay 1843, momba ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay, ahitana ny maha-mandrakizay ny fanekempihavanan' ny fanambadiana, ary koa fananana andefimandry maro (History of the Church, 5:501-507). Na dia tamin' ny taona 1843 aza no noraketina an-tsoratra ny fanambarana, dia hita miharihary amin' ireo rakitsoratra ara-tantara, fa ireo fotopampianarana sy fitsipika voarakitra ato anatin' ity fanambarana ity dia efa fantatry ny Mpaminany hatramin' ny taona 1831.

1-6, Azo amin' ny alalan' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay ny fisandratanana; 7-14, Soritsoritana ireo teny sy fepetran' ilay fanekempihavanana; 15-20, ny fanambadiana selestialy sy ny fanohizana ny firaisan' ny fianakaviana dia hahatonga ny olona ho andriamanitra; 21-25, Ny lalana ety sy tery dia mitondra mankamin' ireo fiainana mandrakizay; 26-27, Omena ny lalàna mikasika ny fanevatevana ny Fanahy Masina; 28-39,

Atao amin' ireo mpaminany sy Olomasina amin' ny vanim-potoana rehetra ireo fampanantenanana ny hitombo mandrakizay sy ny hisandratra; 40-47, Omena an' i Joseph Smith ny fahefana hamatotra sy hifehy etỳ an-tany sy any an-danitra; 48-50, Fehezina' ny Tompo eo amboniny ny fisandratanany; 51-57, Nanarina i Emma Smith mba ho mahatoky sy marina; 58-66, Soritsoritana ireo lalàna momba ny fananana andefimandry maro.

4a F&F 132:16-17.

5a 2 Pet. 1:19.

TSM Fiantsoana sy
Fifidianana.

b F&F 68:12; 88:4.

TSM Famehezana.

d TSM Fiainana
Mandrakizay.

6a TSM Famonjena.

b F&F 107:99-100.

7a TSM Fanahy.

b F&F 76:12; 97:16;
Mos. 1:11.

TOY izao marina no lazain' ny Tompo aminao ry Joseph mpanompoko, satria efa nangatahinao Tamiko ny hahafantatra sy hahatakatra ny antony izay nanamarinako, Izaho Tompo, ireo mpanompoko isany, Abrahama, Isaka ary Jakoba, ary koa Mosesy, Davida ary Solomona, izay mpanompoko, raha ny mikasika ny fitsipika sy ny fotopampianarana tamin' ny nananany "vady sy vaditsindrano maro—

2 Indro, ka jereo, Izaho dia Tompo Andriamanitrao ary hamaly anao momba ity resaka ity.

3 Koa "omano ny fonao handray sy hankatò ny torolalana izay efa homeko anao; fa ireo rehetra izay efa manana izany lalàna izany nambara taminy dia tsy maintsy mankatò izany.

4 Fa indro, ambarako aminareo ny "fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay; ary raha tsy mandray izany ianareo dia ^bvoaheloka; fa tsy misy afaka ^dmitsipaka izany fanekempihavanana izany nefa avela hiditra ao amin' ny voninahitro.

5 Fa izay rehetra te hahazo "fitahiana eo an-tanako dia handray ny ^blalàna izay voatendry ho an' izany fitahiana izany sy ireo fepetrany izay najoro

talohan' ny fanorenana izao tontolo izao.

6 Ary raha ny mikasika ny fanekempihavanana vaovao sy "maharitra mandrakizay, izany dia najoro ho fahafenoan' ny ^bvoninahitro; ary izay mandray amin' ny fahafenoany dia tsy maintsy sy tokony handray ny lalàna, fa raha tsy izany dia hohelohina izy, hoy ny Tompo Andriamanitra.

7 Ary lazaiko aminareo marina tokoa fa ireo "fepetran' izany lalàna izany dia izao: ireo fanekempihavanana rehetra, fifanekena, fifanarahana, adidy, ^bfianianana, voady, fanatanterahana, fifandraisana, fikambanana na fiandrasana, ka tsy atao sy tsy efaina ary tsy "fehezina ny "Fanahy Masin' ny fampanantenana ho amin' ny fotoana sy mandrakizay amin' ny alalan' ilay voahosotro, araka ny fomba masina indrindra, amin' ny alalan' ny ^ffanambarana sy ny didy, araka ny fanalalanan' ny voahosotro izay efa notendreko eto an-tany mba hihazona izany fahefana izany, (ary notendreko i Joseph mpanompoko mba hihazona izany fahefana izany amin' ny andro farany, ary tsy misy na oviana na oviana, afa-tsy olona iray ihany isaky ny mandeha eto an-tany, no ome-

132 1a F&F 132:34, 37-39.

TSM Fanambadiana—Fifanambadian' ny samy hafa finoana.

3a F&F 29:8; 58:6; 78:7.

4a TSM Fanekempihavanana.

b TSM Fahamelohana.

d F&F 131:1-4.

5a F&F 130:20-21.

b TSM Lalàna.

6a F&F 66:2.

TSM Fanekempihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizay.

b F&F 76:70, 92-96.

TSM Voninahitra Selestialy.

7a F&F 88:38-39.

b TSM Fianianana.

d TSM Famehezana.

e TSM Fanahy Masin' ny Fampanantenana.

f TSM Fanambarana.

na izany fahefana izany sy ireo ⁸fanalahidin' io fisoronana io) dia tsy mahefa, tsy manana ny hasiny na manan-kery amin' ny fitsanganana amin' ny maty ny aoriany; fa ny fifanarahana rehetra izay tsy atao ho amin' io tanjona io dia mifarana rehefa maty ny olona.

8 Indro, ny tranoko dia tranon' ny filaminana, hoy ny Tompo Andriamanitra, fa tsy tranon' ny fifanjevoana.

9 Hoekeko va, hoy ny Tompo, ny “fanatitra izay tsy atao amin' ny anarako?

10 Sa horaisiko eo an-tanana-reo izay tsy “notendreko?

11 Ary hanendry ho anareo va Aho, hoy ny Tompo, raha tsy amin' ny alalan' ny lalàna, dia tahaka Ahy sy ny Raiko “nanendry ho anareo talohan' ny nisian' izao tontolo izao?

12 Izaho no Tompo Andriamanitrao; ary omeko anareo izao didy izao—fa tsy misy olona “mankany amin' ny Ray raha tsy amin' ny alalako na amin' ny alalan' ny teniko, dia ny lalàko, hoy ny Tompo.

13 Ary ny zavatra rehetra izay eo amin' izao tontolo izao, na izay nodidin' ny olona, na ny fiandrianana, na ny fanapahana ny hery na ireo zavatra malaza, na inona na inona izany, fa tsy nodidiako na nodidian' ny teniko, hoy ny Tompo, dia hazera ka “tsy ho tafajanona rehe-

fa maty ny olona, na amin' ny fitsanganana amin' ny maty na aoriany, hoy ny Tompo Andriamanitrareo.

14 Fa na inona na inona zavatra tafajanona dia amin' ny alalako; ary na inona na inona zavatra tsy amin' ny alalako dia hohozongozonina sy horavana.

15 Koa raha misy lehilahy “mambady vehivavy eo amin' izao tontolo izao, ary tsy mambady azy amin' ny alalako na amin' ny alalan' ny teniko, ary mifanaiky amin' ny vavy raha mbola eo amin' izao tontolo izao, ary ny vavy amin' ny lahy, ny fifanekeny sy ny fanambadiany dia tsy manan-kery rehefa maty izy ireo ary any ivelan' izao tontolo izao; koa tsy voafehin' ny lalàna izy ireo rehefa any ivelan' izao tontolo izao.

16 Koa rehefa any ivelan' izao tontolo izao izy ireo dia tsy mampaka-bady na avoaka “hampakarina; fa tendrena ho ^banjely any an-danitra, dia anjely izay mpanompo miahay, mba hiahay ireo izay mendrika ny hivesatra voninahitra tsara lavitra sy safononoka ary mandrakizay.

17 Fa tsy nandray ny lalàko ireny anjely ireny; koa tsy afaka ny hitombo izy ireny fa mitoetra mandrakizay ho manirery sy ho token-tena, tsy misy fisandratana, ao amin' ny toetrany voavonjy; ary hatramin' izao dia tsy andriamanitra izy ireny

7g TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.

9a Môrô. 7:5–6.

TSM Sorona.

10a Lev. 22:20–25;

Mos. 5:19–23.

11a F&F 132:5.

12a Jao. 14:6.

13a 3 Ne. 27:10–11.

15a TSM Fanambadiana.

16a Mat. 22:23–33;

Mar. 12:18–25;

Lio. 20:27–36.

b TSM Anjely.

fa anjelin' Andriamanitra mandrakizay mandrakizay.

18 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa, raha manambady vehivavy iray ny lehilahy iray ary manao fifanekena haharitra ny fotoana sy mandrakizay aminy, raha toa izany fifanekena izany tsy amin' ny alalako, na amin' ny alalan' ny teniko, dia ny lalako, ary tsy fehezin' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana amin' ny alalan' ilay efa nohosorako sy notendreko ho amin' izany hery izany, dia tsy mahefa izany sady tsy manan-kery, rehefa ivelan' izao tontolo izao izy ireo, satria tsy atambatro, na atambatry ny teniko, hoy ny Tompo; rehefa ivelan' izao tontolo izao izy ireo, dia tsy azo raisina any izany, satria misy anjely sy andriamanitra voatendry any, izay tsy azon' izy ireo andalovana; koa tsy afaka mandova ny voninahitro izy ireo; satria ny tranoko dia tranom-pilaminana, hoy ny Tompo Andriamanitra.

19 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo marina tokoa, raha toa ny lehilahy iray manambady vehivavy iray amin' ny alalan' ny teniko, dia ny lalako, ary amin' ny alalan' ny fanekempihavanana "vaovao sy maharitra mandrakizay, ary izany dia ^bfehezin' ny Fanahy Masin' ny ^dfampanantenana ho azy ireo, amin' ny alalan' ilay voa-

hosotra izay efa notendreko ho amin' izany fahefana izany sy ireo "fanalahidin' ity fisoronana ity; ka holazaina amin' izy ireo hoe—Ianareo dia hivoaka amin' ny fitsanganana voalohany amin' ny maty, ary raha aorian' ny fitsanganana voalohany amin' ny maty, dia amin' ny fitsanganana manaraka amin' ny maty; ary handova ireo ^ffian-drianana, fanjakana, fanapahana sy hery, fizakana, ny avo rehetra sy ny lalina—dia hosoratana ao amin' ny ^gBokin' ny Fiainana izay an' ny Zanakondry fa tsy hamono olona izy handatsahana ra tsy manan-tsinny, ary raha mitoetra ao amin' ny fanekempihavanako ianareo ary tsy mamono olona handatsahana ra tsy manan-tsinny, dia ho to amin' izy ireo ny zava-drehetra, na inona na inona efa nomen' ny mpanompoko azy ireo haharitra ny fotoana sy mandrakizay; ary hanan-kery tanteraka rehefa any ivelan' izao tontolo izao izy ireo; ary izy ireo dia handalo ireo anjely sy andriamanitra izay apetraka any, hankany amin' ny ^hfisandratany sy ny voninahiny amin' ny zava-drehetra, araka izay efa nofehezina teo ambonin' ny lohany, dia voninahitra izay ho fahafenoana sy ho fitohizan' ny taranaka mandrakizay mandrakizay.

20 Dia ho andriamanitra izy ireo satria tsy manam-pahata-

19a TSM Fanambadiana—
Fanekepihavanana
vaovao sy maharitra
mandrakizain' ny
fanambadiana.

b TSM Famehezana.
d F&F 76:52–53; 88:3–4.
e TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.
f Eks. 19:5–6;

Fan. 5:10; 20:6;
F&F 76:56; 78:15, 18.
g TSM Bokin' ny
Fiainana.
h TSM Fisandratana.

perana; koa izy ireo dia hatri-zay ka haharitra mandrakizay satria mitohy; dia ho ambonin' ny rehetra izy ireo, satria hanoa azy ireo ny zava-drehetra. Dia ho "andriamanitra izy ireo satria manana ny ^bhery rehetra ary manoa azy ireo ny anjely.

21 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha tsy mandray ny "lalàko ianareo dia tsy mahatratra izany voninahitra izany.

22 Fa "ety ny vavahady ary tery ny ^blalana izay mitondra mankany amin' ny fisandratana sy ny fitohizam-"piainana, ary vitsy no mahita izany, satria tsy mandray Ahy ianareo eo amin' izao tontolo izao sady tsy mahafantatra Ahy.

23 Nefa raha mandray Ahy ianareo eo amin' izao tontolo izao dia hahafantatra Ahy, ary horeaisinareo ny fisandratana-reo; ka any "amin' izay misy Ahy no hisy anareo koa.

24 Iza no ireo "fiainana mandrakizay—dia ny mahafantatra an' Ilay hany Andriamanitra hendry sy marina sy i Jesoa Kristy izay efa ^bnirahiny. Izy Aho. Koa raisinareo ny lalàko.

25 "Malalaka ny vavahady ary

migodàna ny lalana izay mitondra mankany amin' ny ^bfahafatesana; ary misy maro izay mandeha mankany satria tsy "mandray Ahy sady tsy mitoe-tra ao amin' ny lalàko.

26 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha manambady vehivavy iray araka ny teniko ny lehilahy iray ary fehez-in' ny "Fanahy Masin' ny fampanantenana izy ireo, araka ny tendriko, ary mahavita manota ny lahy na ny vavy ka mandika ny faneke mpihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay ary manao fanevatevana isan-karazany, ary raha tsy ^bmahavita vonoan' olona handatsahana ra tsy manan-tsiny izy ireo dia mbola hivoaka amin' ny fitsanganana voalohany amin' ny maty ary hiditra ao amin' ny fisandratany; saingy horavana ao amin' ny nofo izy ireo ary "hatolotra ho amin' ny fampijalian' i "Satana mandra-pahatongan' ny andro fanavotana, hoy ny Tompo Andriamanitra.

27 Ny "fanevatevana ny Fanahy Masina, izay ^btsy ho voavela eo amin' izao tontolo izao na ivelan' izao tontolo izao, dia ianareo mahavita mamono olona

20a Mat. 25:21;
F&F 29:12–13; 132:37.
TSM Olona—Olona,
manan-kery ho
tonga tahaka ny Ray
any an-danitra.
b F&F 50:26–29;
76:94–95; 84:35–39.
21a TSM Lalàna.
22a Lio. 13:24;
2 Ne. 33:9;
Hel. 3:29–30.
b Mat. 7:13–14, 23;

2 Ne. 9:41; 31:17–21.
d F&F 132:30–31.
23a Jao. 14:2–3.
24a Jao. 17:3.
TSM Fiainana
Mandrakizay.
b Jao. 3:16–17;
F&F 49:5.
25a Mat. 7:13–14;
3 Ne. 14:13–15.
b TSM Fahafatesana
Ara-panahy.
d Jao. 5:43.

26a TSM Fanahy Masin'
ny Fampanantenana.
b Almà 39:5–6.
d F&F 82:21; 104:9–10.
e TSM Devoly.
27a TSM Manevateva;
Fahotana Tsy
Ahazoana Famelana.
b Mat. 12:31–32;
Heb. 6:4–6;
F&F 76:31–35.
TSM Zanaky ny
Fahaverezana.

handatsahana ra tsy manan-tsin' ary manaiky ny fahafatesako rehefa avy nandray ny fanekempihavanako vaovao sy maharitra mandrakizay, hoy ny Tompo Andriamanitra; ary izay tsy mandray izany lalàna izany dia tsy afaka miditra mihitsy ao amin' ny voninahitro fa "hohe-lohina, hoy ny Tompo.

28 Izaho no Tompo Andriamanitrao ary hanome anao ny lalàn' ny Fisoronako Masina araka izay nandidiako sy nandidian' ny Raiko izany talohan' ny nisian' izao tontolo izao.

29 "Abrahama dia nandray ny zava-drehetra, na inona na inona noraisiny, tamin' ny alalan' ny fanambarana sy ny didy, tamin' ny alalan' ny teniko, hoy ny Tompo, ary efa niditra ao amin' ny fisandratany ka mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany.

30 Abrahama dia nandray "fampanantenana momba ny taranany sy ny amin' ny nateraky ny kibony—avy ao an-^bkibony no niavianao, dia ianao ry Joseph mpanompoko—izay tokony hitohy raha mbola teo amin' izao tontolo izao izy ireo; ary raha ny mikasika an' i Abrahama sy ny taranany, ivelan' izao tontolo izao dia tokony hitohy izy ireo; na eo amin' izao tontolo izao na ivelan' izao tontolo izao, dia tokony hitohy izy

ireo, tsy tambo isaina toy ny "kintana; na raha tokony hanisa ny fasiky ny moron-dranomasina ianareo, dia tsy hainareo isaina izany.

31 Izany fampanantenana izany koa dia anareo, satria taranak' i "Abrahama ianareo ary ny fampanantenana dia natao tamin' i Abrahama; ary amin' izany lalàna izany ny fitohizan' ny asan' ny Raiko izay ireharehan' ny tenany.

32 Koa mandehana ianareo ary ataovy ny "asan' i Abrahama; midira ao amin' ny lalàko ianareo dia hovanjena.

33 Fa raha tsy miditra ao amin' ny lalàko ianareo dia tsy afaka mandray ny fampanantenan' ny Raiko, izay nataony tamin' i Abrahama.

34 "Nandidy an' i Abrahama Andriamanitra, dia nomen' i "Saraha an' i Abrahama i "Hagara ho vadiny. Ary nahoana ravehivavy no nanao izany? Satria izany no lalàna; ary avy tamin' i Hagara no nipoiran' ny vahoaka maro. Koa izany dia anisan' ny nanatanteraka ireo fampanantenana.

35 Koa, moa va i Abrahama teo ambany fanamelohana? Lazaiko aminareo marina tokoa, Tsia; satria Izaho Tompo no "nandidy izany.

36 "Nodidina i Abrahama hanatitra an' i ^bIsaka zanakala-

27d TSM Fahamelohana.

29a TSM Abrahama.

30a Gen. 12:1–3; 13:16.

TSM Abrahama—Ny taranak' i Abrahama; Fanekepiahavanan' i Abrahama.

b 2 Ne. 3:6–16.

d Gen. 15:5; 22:17.

31a F&F 86:8–11; 110:12.

32a Jao. 8:39;

Almà 5:22–24.

34a Gen. 16:1–3.

b TSM Saraha.

d Gen. 25:12–18.

TSM Hagara.

35a Jakôba 2:24–30.

36a Gen. 22:2–12.

b TSM Isaka.

hiny na dia voasoratra aza hoe: Tsy “hamono olona ianao. Tsy nandà anefa i Abrahama ary nisaina ho “fahamarinana ho azy izany.

37 Nandray ireo “vaditsindrano i Abrahama, ary ireo dia nanana anaka taminy; ary izany dia nisaina ho fahamarinana ho azy, satria ireo dia nomena azy, ary nitoetra tao amin’ ny lalàko izy; dia tahaka an’ i Isaka sy i ^bJakoba koa izay tsy nanao afa-tsy izay nandidiana azy ireo; ary satria izy ireo tsy nanao zavatra hafa afa-tsy izay nandidiana azy ireo dia efa niditra ao amin’ ny “fisandratany izy, araka ireo fampanantenana, sy mipetraka eo amin’ ny seza fiandrianana, ary tsy anjely fa andriamanitra.

38 “Davida koa dia nandray vady ^bmaro sy vaditsindrano, ary koa ireo mpanompoko isan’ ny Solomona sy Mosesy, tahaka ireo mpanompoko hafa maro, hatry ny fiandohan’ ny fahariana ka hatramin’ izao fotoana izao; ary tsy nanota na tamin’ inona na tamin’ inona izy ireo afa-tsy tamin’ ireo zavatra izay tsy noraisiny Tamiko.

39 Ireo vady sy vaditsindranon’ i Davida dia “nomena azy avy Tamiko, tamin’ ny alalan’

ny tanan’ i Natana mpanompoko sy ireo hafa tamin’ ireo mpaminany izay nanana ireo ^bfanalahidin’ ity fahefana ity; ary tsy nisy tamin’ ireny zavatra ireny nanotany tamiko afa-tsy tamin’ ny raharahan’ i ^dOria sy ny vadiny; koa efa lavo tamin’ ny fisandratany izy ary nandray ny anjarany; ary izy dia tsy handova azy ireny, ivelan’ izao tontolo izao, fa “nomeko ny iray hafa izy ireny, hoy ny Tompo.

40 Izaho no Tompo Andriamanitrao, ary nomeko anao, ry Joseph mpanompoko, ny fanendrena mba “hamerina indray ny zava-drehetra. Angataho izay tianao dia homena anao araka ny teniko izany.

41 Ary satria efa nanontany momba ny fanitsakitsahambady ianao, dia lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha mandray andefimandry ao amin’ ny fanekepihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay ny lehilahy iray, ary raha miaraka amin’ ny lehilahy iray hafa ilay vehivavy, ary tsy notendreko ho azy tamin’ ny alalan’ ny fanosorana masina izany, dia efa nahavita fanitsakitsahambady ravehivavy ary hofongorana.

36d Eks. 20:13.

^e Jakôba 4:5.

TSM Fahamarinana.

37a IE vady hafa.

Gen. 25:5–6.

^b Gen. 30:1–4;

F&F 133:55.

TSM Jakoba,

Zanakalahin’ i Isaka.

^d TSM Fisandratana;

Olona—Olona,

manan-kery ho

tonga tahaka ny Ray
any an-danitra.

38a TSM Davida.

^b 1 Sam. 25:42–43;

2 Sam. 5:13;

1 Mpan. 11:1–3.

39a 2 Sam. 12:7–8.

^b TSM Fanalahidin’

ny Fisoronana.

^d 2 Sam. 11:4, 27; 12:9;

1 Mpan. 15:5.

TSM Fanitsakitsahambady; Famonoan’
Olona.

^e Jer. 8:10.

40a JS—T 1:33.

TSM Famerenana
amin’ ny Laoniny
ny Filazantsara.

42 Raha tsy ao amin' ny fane-kempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay ravehivavy ary miaraka amin' ny lehilahy iray hafa dia efa "nahavita fanitsakitsaham-bady.

43 Ary raha miaraka amin' ny vehivavy iray hafa ny vadiny nefa efa nanao "voady, dia efa nandrava ny voadiny izy ary nahavita fanitsakitsaham-bady.

44 Ary raha tsy nahavita fanitsakitsaham-bady ravehivavy sady tsy manan-tsiny no tsy nandrava ny voadiny ary fantany izany, ary ambarako anao izany ry Joseph mpanompoko, dia hanana fahefana ianao, amin' ny alalan' ny herin' ny Fisoronako Masina, haka azy ary hanome azy ho an' izay tsy nahavita fanitsakitsaham-bady fa efa "nahatoky kosa; fa hatao mpanapaka amin' ny maro izy.

45 Fa efa natolotro anao ireo "fanalahidy sy herin' ny fisoronana izay ^bamerenako indray ny zava-drehetra sy ampahafantarako anao ny zava-drehetra amin' ny fotoana mahamety izany.

46 Ary lazaiko aminao marina dia marina tokoa, fa na inona na inona "fehezinao etỳ an-tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona fatoranao etỳ an-tany amin' ny anarako sy amin' ny alalan' ny teniko, hoy

ny Tompo, dia hofatorana mandrakizay any an-danitra; ary na fahotan' iza na fahotan' iza no ^bavelanao etỳ an-tany dia ho voavela mandrakizay any an-danitra; ary na fahotan' iza na fahotan' iza no tananao etỳ an-tany dia hotanana any an-danitra.

47 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa, na zovy na zovy no tsofinao rano dia hotahiko; ary na zovy na zovy no ozoninao dia "hozoniko, hoy ny Tompo; fa Izaho Tompo no Andriamanitrao.

48 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao marina tokoa ry Joseph mpanompoko, fa na inona na inona omenao etỳ an-tany, ary na zovy na zovy no nomenao olona etỳ an-tany, amin' ny alalan' ny teniko sy araka ny lalàko, dia harahina fitahiana fa tsy ozona izany, miaraka amin' ny heriko, hoy ny Tompo, ary tsy hisy fanamelohana etỳ an-tany sy any an-danitra.

49 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrao ary homba anao na dia hatrany amin' ny "fiafaran' izao tontolo izao aza, ary mandrakizay doria; fa lazaiko aminao tokoa, ^bfeheziko eo amboninao ny ^dfisandratanao ary omaniko ho anao ao amin' ny fanjakan' ny Raiko ny seza fiandrianana, miaraka amin' i Abrahama ^erainao.

42a F&F 42:22–26.

43a TSM Fanekepiahavanana; Fanambadiana.

44a TSM Fahadiovam-pitondrantena.

45a TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

^b Asa 3:21; F&F 86:10.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

46a TSM Famehezana.

^b TSM Famelana ny Fahotana.

47a Gen. 12:1–3; F&F 124:93.

49a Mat. 28:20.

^b F&F 68:12.

^d F&F 5:22.

TSM Fiantsoana sy Fifidianana.

^e Gen. 17:1–8;

2 Ne. 8:2.

50 Indro, efa nahita ny “fihafianao Aho ary hamela ny fahotanao rehetra; efa nahita ny fihafianao Aho tamin’ ny fanka-toavanao izay nolazaiko taminao. Koa mandehana ary manao lalana hahafahanao Aho, toy ny ^bnanekeko ny fanateran’ i Abrahama an’ i Isaka zanakalahiny.

51 Lazaiko aminao marina tokoa: Didy no omeko an’ i Emma Smith mpanompovaviko vadinao, izay efa nomeko anao, mba hahalalany onona ka tsy hakan’ amin’ izay nandidiako anao hatolotra azy; fa nataoko izany, hoy ny Tompo, hisedrana anareo rehetra, tahaka ny nataoko tamin’ i Abrahama, mba hahazoako mitaky fanatitra eo antanareo, amin’ ny alalan’ ny fanekempihavanana sy ny sorona.

52 Ary aoka i “Emma Smith mpanompovaviko handray ireo rehetra izay efa nomena an’ i Joseph mpanompoko izay tsara toetra sy madio eo anoloako; ary ireo izay tsy madio nefa nilaza fa madio dia hofongorana, hoy ny Tompo Andriamanitra.

53 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrao ary hankatò ny feoko ianareo; ary omeko an’ i Joseph mpanompoko ny hatao mpanapaka amin’ ny zavatra maro; fa efa “nahatoky tamin’ ny zavatra vitsy izy ary hatramin’ izao dia hampahery azy Aho.

54 Ary Izaho dia mandidy an’ i Emma Smith mpanompovavi-

ko handray sy hifikitra amin’ i Joseph mpanompoko fa tsy amin’ olon-kafa. Fa raha tsy mandray ity didy ity izy dia hofongorana, hoy ny Tompo; fa Izaho no Tompo Andriamanitrao ary hamongotra azy raha tsy mandray ny lalàko izy.

55 Fa raha tsy mandray ity didy ity izy dia i Joseph mpanompoko no hanao ny zavatra rehetra ho azy, toy izay efa nolazainy; ary hitahy azy Aho ka hahamaro azy ary hanome azy avo “zato heny eo amin’ izao tontolo izao, amin’ ny ray sy reny, rahalahy sy anabavy, trano sy tany, andefimandry sy zanakaka ary satroboninahitr’ ireo ^bfiainana mandrakizay ao amin’ ny tontolo mandrakizay.

56 Ary ankoatra izany dia lazaiko marina tokoa, aoka ny mpanompovaviko “hamela ny helok’ i Joseph mpanompoko; dia ho voavela ny helony izay efa nahameloka azy Tamiko; ary Izaho Tompo Andriamanitrao dia hitahy azy sy hahamaro azy ary hampiravoravo ny fony.

57 Ary ankoatra izany dia lazaiko, aoka tsy hoesorin’ i Joseph mpanompoko hiala eo antanany ny fananany, fandrao ho avy ny fahavalo ary handrava azy; fa “mikatsaka ny hamongotra i Satana; fa Izaho no Tompo Andriamanitrao ary izy dia mpanompoko; ary indro, ka jereo, momba azy Aho toy ny

50a TSM Sorona.

b Gen. 22:10–14;
F&F 97:8.

52a TSM Smith, Emma Hale.

53a Mat. 25:21; F&F 52:13.

55a Mar. 10:28–31.

b TSM Fianakaviana—
Fianakaviana
mandrakizay;

Fiainana

Mandrakizay.

56a TSM Mamela.

57a Mat. 10:28.

nombako an' i Abrahama rai-
nao, hatrany amin' ny ^bfisan-
dratany sy ny voninahiny.

58 Ankehitriny, raha ny mom-
ba ny lalàn' ny ^afisoronana, dia
misy zavatra maro mikasika
izany.

59 Marina tokoa fa raha an-
tsoin' ny Raiko tahaka an' i
^aAharôna ny lehilahy iray, amin'
ny alalan' ny feoko sy amin' ny
alalan' ny feon' Ilay efa naniraka
Ahy, ka efa nanafy azy tamin'
ireo ^bfanalahidin' ny herin' ity
fisoronana ity Aho, raha manao
zavatra amin' ny anarako sy
araka ny lalàko ary araka ny
teniko izy dia tsy hahavita faho-
tana, ary Izaho hanamarina azy.

60 Koa aoka tsy hisy olona ha-
niny an' i Joseph mpanompo-
ko; fa Izaho hanamarina azy;
fa hanao ny sorona izay takiko
eo an-tanany izy, noho ny fan-
dikan-dalàna nataony, hoy ny
Tompo Andriamanitrareo.

61 Ary ankoatra izany, mika-
sika ny lalàn' ny fisoronana —
raha misy lehilahy manambady
^avirijiny ary maniry hanambady
^biray hafa, ary manaiky ilay voa-
lohany, ary raha manambady
ilay faharoa izy, ary virijiny izy
ireo ary tsy nanao voady tamin'
ny lehilahy iray hafa, dia voa-
marina izy; tsy afaka ny hanao
fanitsakitsaham-bady izy, satria
izy ireo dia omena ho azy; tsy
afaka ny hanao fanitsakitsaham-

bady amin' izay efa azy fa tsy
an' olon-kafa izy.

62 Ary raha manana virijiny
folo nomena ho azy tamin' ny
alalan' ity lalàna ity izy dia tsy
afaka ny hanao fanitsakitsaham-
bady, satria izy ireo dia azy ary
izy ireo dia omena ho azy; koa
voamarina izy.

63 Fa raha misy iray na iray
hafa amin' ireo virijiny folo, re-
hefa nanambady, ka miaraka
amin' ny lehilahy iray hafa, dia
efa nahavita fanitsakitsaham-
bady izy ary hofongorana; fa
izy ireo dia omena ho azy mba
^ahihamaro sy hameno ny tany
araka ny didiko, ary mba haha-
tanteraka ny fampanantenana
izay nomen' ny Raiko talohan'
ny fanorenana izao tontolo izao
sy ho fisandratany any amin'
ny tontolo mandrakizay, mba
hiterahany ireo fanahin' olom-
belona; fa ao amin' izany no ito-
hizan' ny ^basan' ny Raiko, mba
ho azo omem-boninahitra Izy.

64 Ary ankoatra izany, dia la-
zaiko aminareo marina dia ma-
rina tokoa, raha misy lehilahy
izay mihazona ireo fanalahidin'
ity fahefana ity ka manana an-
defimandry ary mampianatra
azy ny lalàn' ny fisoronako
mikasika ireo zavatra ireo, dia
hino sy hikarakara azy ravehi-
vavy fa raha tsy izany dia ho-
fongorana, hoy ny Tompo An-
driamanitrareo; fa hofongorako

57b TSM Fisandratana.

58a F&F 84:19–26.

TSM Fisoronana.

59a Heb. 5:4.

TSM Aharôna,
Rahalahin' i Mosesy.

b TSM Fanalahidin' ny
Fisoronana.

61a TSM Virijiny.

b Filazana Ofisialy—1.

TSM Fanambadia-
na—Fifanambadian'

ny samy hafa
finoana.

63a Gen. 1:26–28;

Jakôba 2:30.

b Mos. 1:39.

izy; fa homeko voninahitra ny anarako miaraka amin' ireo rehetra izay mandray sy manaraka ny lalàko.

65 Koa ara-dalàna Amiko, raha tsy mandray izany lalàna izany ravehivavy, ny handraisan-dra-lehilahy ny zava-drehetra, na inona na inona homeko Izaho Tompo Andriamaniny azy, satria tsy nino ravehivavy sady tsy nikarakara azy araka ny teniko; ary dia manjary mpan-dika lalàna izy; ary ralehilahy

dia afaka amin' ny lalàn' i Sara-ha izay nikarakara an' i Abrahama araka ny lalàna, fony Aho nandidy an' i Abrahama haka an' i Hagara ho vady.

66 Ary ankehitriny raha ny mikasika izany lalàna izany, dia lazaiko amina marina dia marina tokoa, hanambara misimisy kokoa amina aho rahatri-zay; koa aoka ho ampy izay raha ny amin' izao fotoana izao. Indro, Izaho no Alfa sy Omega. Amena.

FIZARANA 133

Fanambarana nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany tao Hiram, Ohio, ny 3 Nôvambra 1831 (History of the Church, 1:229–234). Raha nanao ny sasin-tenin' ity fanambarana ity ny Mpaminany dia nanoratra hoe: “Tamin' izay fotoana izay dia nisy zavatra maro nirian' ireo loholona ho fantatra momba ny fitoriana ny Filazantsara amin' ireo mponin' ny tany sy momba ny fanangonana; ary mba hande-hanana amin' ny tena hazavana sy hampianarina avy any ambony, dia nanontany ny Tompo aho ny faha-3 ny volana Nôvambra 1831 ary nandray izao fanambarana lehibe manaraka izao” (History of the Church, 1:229). Natambatra ho toy ny tovana tamin' ny bokin' ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana aloha ity fizarana ity vao nomena laharana tatỳ aoriana.

1–6, Didina ireo Olomasina hio-mana ho amin' ny Fiaviana Fanindroany; 7–16, Didina ny olona rehetra handositra an' i Babylona, ho tonga ao Ziona ary hiomana ho amin' ny andro lehiben' ny Tompo; 17–35, Hitsangana eo an-tendrom-bohitry i Ziona Izy, hanjary tany tokana ireo kontinenta ary hiverina ireo foko very amin' i Isiraely; 36–40, Ny filazantsara dia naverina indray tamin' ny alalan' i Joseph Smith mba hotorina manerana izao tontolo izao; 41–51, Hidina hamaly

ny olon-dratsy ny Tompo; 52–56, Izany dia ho taonan' ny navotany; 57–74, Havoaka ny filazantsara mba hamonjy ireo Olomasina sy ho famongorana ny olon-dratsy.

MIHAINOA ianareo ry va-hoakan' ny fiangonako ô, hoy ny Tompo Andriamanitra-reo, ka henoy ny tenin' ny Tompo momba anareo—

2 Ny Tompo izay ho “avy tampoka ao amin' ny tempoliny; ny Tompo izay hidina eo amin'

izao tontolo izao miaraka amin' ny ozona ho ^bfitsarana; eny, eo ambonin' ny firenena rehetra izay manadino an' Andriamanitra sy eo amin' ireo rehetra tsy manana an' Andriamanitra ao anivonareo.

3 Fa ^ahampitanjaka ny sandri-ny masina eo imason' ny firenena rehetra Izy, ary ny faran' ny tany rehetra hahita ny ^bfamonjen' Andriamaniny.

4 Koa miomàna ianareo, miomàna ianareo, Ry vahoakako ô; hamasino ny tenanareo; miaraha ianareo mivondrona eo amin' ny tanin' i Ziona, ry vahoakan' ny fiangonako ô, ianareo rehetra izay tsy nodidina hitoetra.

5 Mandehana ianareo miala an' i ^aBabylona. ^bMadiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo.

6 Ataovy ny fivorianareo masina ary ^amifampiresaha matetika. Ary aoka ny olona tsirairay hiantso ny anaran' ny Tompo.

7 Eny, lazaiko aminareo marina tokoa indray, efa tonga ny fotoana izay iantefan' ny feon' ny Tompo aminareo: Andeha ianareo miala amin' i Babylona; ^amiangòna ianareo avy any anivon' ireo firenena, avy amin' ny

^bvazan-tany efatra, avy amin' ny fara-vodilanitra rehetra.

8 ^aIraho ireo loholon' ny fiangonako ho any amin' ireo firenena any lavitra; any amin' ireo ^bnosin-dranomasina; iraho ho any amin' ny tany vahiny; antsoy ny firenena rehetra, voalohany dia ny ^dJentilisa ary rehefa izany dia ny ^eJiosy.

9 Ary indro, ka jereo, izao no ho antson' izy ireo sy ny feon' ny Tompo amin' ny olon-drehetra: Mandehana ianareo manka-ny amin' ny tanin' i Ziona, mba ho azo halehibeazina ny sisintanin' ny vahoakako sy mba ho azo hamafisina ny ^atsatòkany ary mba hahazoan' i ^bZiona mandroso mankamin' ireo fari- tra manodidina.

10 Eny, aoka izao antso izao handeha any anivon' ny olon-drehetra: Mifohaza ary mitsangàna, dia mivoaha hitsena ny ^aMpampakatra; indro ka jereo, tamy ny Mpampakatra; andeha ianareo mivoaka mba hitse- na Azy. Omano ho amin' ny ^bandro lehiben' ny Tompo ny tenanareo.

11 Koa ^amiambena fa tsy ^bfan- tatrearo na ny andro na ny ora.

12 Koa aoka ireo izay any

2b F&F 1:36.

TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

3a Isa. 52:10.

^b Isa. 52:2; 52:10.
TSM Drafitry ny
Fanavotana;
Famonjena.

5a Almà 5:57;
F&F 1:16.

TSM Babela, Babylona;
Rehak' Izaio Tontolo
Izaio.

b 2 Tim. 2:21;

3 Ne. 20:41;

F&F 38:42.

TSM Madio.

6a Mal. 3:16-18.

7a F&F 29:8.

TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

^b Zak. 2:6-7; Mar. 13:27.

8a TSM Asa Fitoriana.

^b Isa. 11:11; 1 Ne. 22:4;

2 Ne. 10:8, 20.

^d TSM Jentilisa.

^e TSM Jiosy.

9a Isa. 54:2.

TSM Tsatòka.

^b TSM Ziona.

10a Mat. 25:6;

F&F 33:17-18;
45:54-59.

TSM Mpampakatra.

^b F&F 1:12-14.

11a Mar. 13:32-37;

JS—M 1:46, 48.

^b F&F 49:7.

^aanivon' ny Jentilisa handositra ho any ^bZiona.

13 Ary aoka ireo izay avy ao ^aJoda handositra ho any ^bJerosalema, ho any ^aan-tendrombohitry ny ^ctranon' ny Tompo.

14 Andeha ianareo mivoaka avy any anivon' ireo firenena, dia avy any Babylona, avy any anivon' ny faharatsiana, izay Babylona ara-panahy.

15 Fa toy izao marina tokoa no lazain' ny Tompo: aoka ny fandosiranareo tsy hatao ^aamim-pirotorotoana, fa aoka ny zavadrehetra ho voaomana eo anoloanareo; ary izay mandeha aoka ^btsy hiherika fandrao hanjo azy ny famongorana tampoka.

16 Mihainoa sy mandrenesa ianareo, ô ry mponin' ny tany. Miaraha ^amihaino ianareo, ry loholon' ny fiangonako, ary henoy ny feon' ny Tompo; fa miantso ny olon-drehetra Izy ary mandidy ny olon-drehetra na aiza na aiza ^bhibebaka.

17 Fa indro, efa ^anirahin' ny Tompo Andriamanitra ny anjely hihiaka eo afovoan' ny lanitra, manao hoe: Omaninareo ny lalan' ny Tompo ary ataovy ^bmahitsy ny lalany fa efa antomotra ny ora ^chiaviany—

18 Izay hitsanganan' ny ^aZanakondry eo an-^btendrombohitry i Ziona, ary miaraka Aminy ny ^aefatra arivo sy efatra alina amby iray hetsy izay manana ny anaran' ny Ray voasoratra eo amin' ny handriny.

19 Koa miomàna ho amin' ny ^afiavian' ny ^bMpampakatra ianareo; mandehana ianareo, mivoaha ianareo hitsena Azy.

20 Fa indro ^ahitsangana eo ambonin' ny tendrombohitra Oliva Izy, ary eo ambonin' ny rano-masina mahery, dia ny lalina indrindra, ary eo ambonin' ireo nosin-dranomasina sy eo ambonin' ny tanin' i Ziona.

21 Dia ^ahanandratra ny feony avy ao ^bZiona Izy ary hiteny avy any Jerosalema; ary ny feony dia ho re any anivon' ny olon-drehetra;

22 Ary izany dia ho toy ny ^afeon' ny rano maro ary ho toy ny feon' ny ^bkotrokorana lehibe, izay ^chandrodana ireo tendrombohitra, ary ireo lohasaha dia tsy ho hita.

23 Handidy ny lalina indrindra Izy, dia hoentina any amin' ny tany avaratra izany, ary ho tonga iray ihany ireo ^anosy;

24 Ary ny tanin' i ^aJerosalema

12a F&F 38:31, 42.

^b TSM Ziona.

13a TSM Joda.

^b TSM Jerosalema.

^d Isa. 2:1–3; Ezek. 38:8.

^e Sal. 122:1–9.

15a Isa. 52:10–12;

F&F 58:56.

^b Gen. 19:17, 26;

Lio. 9:62.

16a F&F 1:1–6.

^b TSM Fibebahana.

17a F&F 13:1; 27:7–8;

88:92.

^b Isa. 40:3–5.

^d Mal. 3:1.

18a Fan. 14:1.

TSM Zanakondrin' Andriamanitra.

^b F&F 84:2.

^d Fan. 7:1–4.

19a Mat. 25:1–13;

F&F 33:17–18; 88:92.

TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

^b TSM Mpampakatra.

20a Zak. 14:4;

F&F 45:48–53.

21a Joe. 3:16; Amo. 1:2.

^b Isa. 2:2–4.

22a Ezek. 43:2; Fan. 1:15;

F&F 110:3.

^b Sal. 77:18; Fan. 14:2.

^d Mpits. 5:5;

Isa. 40:4; 64:1;

Fan. 16:20;

F&F 49:23; 109:74.

23a Fan. 6:14.

24a TSM Jerosalema.

sy ny tanin' i Ziona dia haverina ho eo amin' ny toerany ihany, ary ny tany dia ho tahaka ny tamin' ny andro nialohan' ny ^bnizaràna azy.

25 Ary ny Tompo, dia ny Mpamonjy, dia hitsangana eo afovoan' ny vahoakany sy "hanjaka amin' ny nofo rehetra.

26 Ary ireo izay any amin' ny "tany avaratra dia hotsarovanana eo anoloan' ny Tompo; ary handre ny feony ireo mpaminaniny ka tsy hahatsindry fo intsony; dia hikapoka ny vatolampy izy ireo ka hikoriana eo anatrehan' izy ireo ny rano-mandry.

27 Ary hamboarina eo afovoan' ny lalina indrindra ny "lalambe.

28 Ho tonga hazany ny fahavalony,

29 Ary hiforona any an' "efitra tsy mahavokatra ireo farihindrano velona; ary tsy ho tany mangentana intsony ny tany hay.

30 Ary hoentiny ho an' ireo zanak' i "Efraima, mpanompo-ko, ny rakitra sarobidiny.

31 Ary ny sisin-tanin' ireo "havoana maharitra mandrakizay dia hihorohoro eo anatrehany.

32 Ary any no hianjerany ary

hampisatrohana azy ireo amin' ny voninahitra, dia any Ziona, amin' ny alalan' ny tanan' ireo mpanompon' ny Tompo, dia ny zanak' i Efraima.

33 Ary hofenoina amin' ny "hiran' ny fifaliana maharitra mandrakizay izy ireo.

34 Indro izany no fitahian' Ilay Andriamanitra maharitra mandrakizay amin' ireo "fokon' i Isiraely sy fitahiana bebe kokoa eo amin' ny lohan' i ^bEfraima sy ny namany.

35 Ary ireo izay avy amin' ny fokon' i "Joda koa, aorian' ny fahoriany, dia hohamasinina amin' ny ^bfahamasinana eo anoloan' ny Tompo, mba hitoetra eo anatrehany andro aman' alina, mandrakizay mandrakizay.

36 Ary ankehitriny dia lazaiko marina tokoa, hoy ny Tompo, mba hahafantarana ireny zavatra ireny any anivonareo, Ry mponin' ny tany ô, dia efa nira-hiko ny "anjeliko hanidina eo afovoan' ny lanitra, manana ny ^bfilazantsara maharitra mandrakizay, izay niseho tamin' ny sasany ary nanolotra izany ny olona, izay hiseho amin' ny maro izay monina eto an-tany.

37 Ary izany "filazantsara iza-

24b Gen. 10:25.

TSM Tany—
Fanasarahana ny
tany.

25a TSM Jesoa Kristy—
Fanjakan' i Kristy
amin' ny Arivotaona.

26a Jer. 16:14–15;
F&F 110:11.

TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'
ny Isiraely.

27a Isa. 11:15–16;

2 Ne. 21:16.

29a Isa. 35:6–7.

30a Zak. 10:7–12.

TSM Efraima—Ny
fokom-pirenen' i
Efraima.

31a Gen. 49:26.

33a Isa. 35:10; 51:11;
F&F 66:11.

34a TSM Isiraely—Ireo
foko roa ambin'
ny folo amin' ny
Isiraely.

b Gen. 48:14–20;

1 Tan. 5:1–2;

Etera 13:7–10.

35a TSM Joda—Ny
fokon' i Joda.

b TSM Fahamasinana.

36a Fan. 14:6–7;
F&F 20:5–12.

b TSM Famerenana
amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.

37a TSM Filazantsara.

ny dia ^bhotorina amin' ny ^dfirenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra.

38 Ary handeha ireo mpanompon' ny Tompo ka hilaza amin' ny feo mahery hoe: Matahora an' Andriamanitra ary omeo voninahitra Izy, fa efa tonga ny ora fitsarany;

39 Ary ^amiderà Azy izay nanao ny lanitra sy ny tany, ary ny ranomasina sy ireo loharonon' ny rano—

40 Hiantso andro aman' alina ny anaran' ny Tompo, manao hoe: Ô enga anie ka ^ahotriarinao ny lanitra, enga anie Ianao ka hidina, dia hiempo eo anatrehanao ireo tendrombohitra.

41 Ary hovaliana eo ambonin' ny lohany izany; fa ny fanatrehan' ny Tompo dia ho toy ny afo mpandrendrika izay mandoro, ary toy ny afo izay mahatonga ny rano ^ahangotraka.

42 Tompo ô, hidina Ianao hampahafantatra ny anaranao amin' ny fahavalonao, ary ny firenena rehetra dia hihorohoro eo anatrehanao—

43 Rehefa manao zavatra mahatahotra Ianao, zavatra izay tsy ampoiziny;

44 Eny, rehefa midina Ianao ary miempo eo anatrehanao ireo tendrombohitra, dia ^ahitse-na izay mifaly sy miasa fahamarinana Ianao, izay mahatsiaro Anao amin' ny lalanao.

45 Fa hatry ny fiandohan' izao tontolo izao no tsy mbola nahainoan' ny olona na nandrenesan' ny sofina, na nisy maso nahita, afa-tsy Ianao Andriamanitra ô, ny halehiben' ireo zavatra efa ^anomaninao ho an' izay ^bmian-dry anao.

46 Ary holazaina hoe: ^aIza ity ^bmidina avy amin' Andriamanitra any an-danitra manao fitafiana natoina ity; eny, avy any amin' ireo faritra izay tsy fantatra, miakanjo ny akanjo ny be voninahitra, mandeha amin' ny halehiben' ny tanjany?

47 Ary hilaza Izy hoe: Izaho no Izy izay niteny tamin' ny fahamarinana, mahery ka mahavonjy.

48 Ary ny Tompo dia hanao akanjo ^amena, ary ny fitafiany dia mampitovy Azy amin' izay manasihosy ny famiazam-boaloboka.

49 Ary ho lehibe tokoa ny voninahitry ny fanatrehany, ka hanafina ny tavany amin-kenatra ny ^amasoandro, ary ny volana hihazona ny hazavany, ary ny kintana hoesorina amin' ny toerany.

50 Ary ho re ny feony hoe: Efa ^ananasihosy irery ny famiazamboaloboka Aho ary nitondra fitsarana tamin' ny olon-drehetra; ary tsy nisy niaraka Tamiko;

51 Ary efa nanitsaka azy ireo tamin' ny fisafoko Aho, ary

37b TSM Asa Fitoriana;
Mitory.

d F&F 42:58.

39a TSM Fitsaohana.

40a Isa. 64:1–2.

41a Joba 41:31.

44a 1 Tes. 4:15–18.

45a Isa. 64:4; 2 Tan. 2:9.

b Fit. 3:25; 2 Ne. 6:7, 13.

46a Isa. 63:1–2.

b TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

48a Gen. 49:11–12;

Lio. 22:44;

Fan. 19:11–15;

djs, Fan. 19:15;

Môsîà 3:7; F&F 19:18.

49a Isa. 13:10; 24:23;

F&F 45:42; 88:87.

50a Isa. 63:2–3;

F&F 76:107; 88:106.

nanosihosy azy ireo tamin' ny fahatezerako, ary ny rany dia efa "nipitipitika tamin' ny fitafiako ka nandoto ny akanjoko rehetra; fa izany no andron' ny famaliana izay tao am-poko.

52 Ary efa tonga ankehitriny ny taonan' ny voavotro; ary izy ireo dia hilaza ny halemem-panahy sy ny fitiavan' ny Tompony ary izay rehetra efa natolony azy ireo araka ny hatsarampanahiny sy araka ny halemempanahiny sy ny fitiavany, mandrakizay mandrakizay.

53 Tamin' ny "fijalian' izy ireo rehetra, dia nijaly Izy. Ary ny anjelin' ny tavany no namonjy azy ireo; ary tamin' ny ^bfitiavany sy tamin' ny famindrampony no ^dnanavotany azy ireo sy nitondrany azy ireo ary nivimbiny azy ireo tamin' ny andro taloha ela rehetra;

54 Eny, ary i "Enoka koa sy ireo izay niaraka taminy; ireo mpaminany izay talohany; ary i ^bNoa koa sy ireo izay talohany; ary i ^dMosesy koa sy ireo izay talohany;

55 Ary hatramin' i Mosesy ka hatramin' i Elia, ary hatramin' i Elia ka hatramin' i Jaona, izay niaraka tamin' i Kristy tamin' ny "fitsanganany tamin' ny maty,

ary ireo apostoly masina, mioraka amin' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba, dia ho eo anatrehan' ny Zanakondry.

56 Ary ^ahosokafana ireo ^bfasan' ny ^dolomasina; dia hivoaka izy ireo ary hitsangana eo an-^etanana ankavanan' ny Zanakondry, rehefa hitsangana eo ambonin' ny ^ftendrombohitr' i Ziona Izy ary eo ambonin' ny tanàna masina, ilay ^gJerosalema Vaovao; ary izy ireo dia hihira ny ^hhiran' ny ⁱZanakondry andro aman' alina, mandrakizay mandrakizay.

57 Ary noho izany antony izany, mba hahatonga ny olona ho mpandray anjara amin' ireo "voninahitra izay mbola hambara, dia nalefan' ny Tompo ny fahafenoan' ny ^bfilazantsarany, ny fanekempihavanany maharitra mandrakizay, izay mandahatra amin' ny fahazavana sy ny fahatsorana—

58 Mba hanomana ny malemy ho amin' ireo zavatra izay ho avy etỳ an-tany, ary ho amin' ny fanirahan' ny Tompo amin' ny andro izay hampangaihai-zan' ny "malemy ny hendry, ary ny ^bmadinika ho tonga firenena matanjaka, ary ny ^droa hahatonga ny iray alina aminy handositra.

51a Lev. 8:30.

53a Isa. 63:4-9.

b TSM Fiantrana.

d TSM Fanavotana.

54a TSM Enoka.

b TSM Noa, Patriarika
ao amin' ny Baiboly.

d TSM Mosesy.

55a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

56a F&F 29:13.

b TSM Olomasina.

d F&F 45:45-46;
88:96-97.

e Mat. 25:33-34.

f Isa. 24:23; Fan. 14:1;
F&F 76:66; 84:2,
98-102.

g TSM Jerosalema
Vaovao.

h Fan. 15:3;

F&F 84:98-102.

i TSM Zanakondrin'
Andriamanitra.

57a TSM Ambaratongam-
boninahitra.

b TSM Filazantsara.

58a Mat. 11:25;
2 Tan. 1:27;
Almà 32:23; 37:6-7.

b Isa. 60:22.

d Deot. 32:29-30.

59 Ary amin' ny alalan' ireo zavatra malemy amin' ny tany no "hamelezan' ny Tompo ireo firenena amin' ny herin' ny Fanahiny.

60 Ary noho izany antony izany no nanomezana ireo didy ireo; nodidina ny hitanana azy ireo tsy ho hitan' izao tontolo izao tamin' ny andro nanomezana azy ireo, saingy ankehitriny dia tokony "handeha ho any amin' ny ^bnofo rehetra ireo—

61 Ary izany dia araka ny saina sy ny sitrapon' ny Tompo izay manapaka amin' ny nofo rehetra.

62 Ary izay "mibebaka sy ^bmanamasina ny tenany eo anoloan' ny Tompo dia homena "fiainana mandrakizay.

63 Ary amin' ireo izay "tsy mihaino ny feon' ny Tompo no hotanterahina izay voasoratr' i Mosesy mpaminany, fa izy ireny dia ^bhoesorina hiala avy any anivon' ny vahoaka.

64 Ary koa izay voasoratr' i "Malakia mpaminany hoe: Fa indro, avy ny ^bandro izay "handoro toy ny fatana, ary ny mpiavonavona rehetra, eny, ary ireo rehetra izay nanao ratsy, dia ho vodivary; ary ny andro izay avy dia handoro azy, hoy

ny Tompon' ny Maro, ka tsy hasiany miangana na ny fakany na ny sampany.

65 Noho izany, izao no ho valin-tenin' ny Tompo aminy:

66 Tamin' ny andro izay nahatongavako tany amin' ny Ahy, dia tsy nisy olona tany anivonareo "nandray Ahy, ary noroahina ianareo hiala.

67 Nony niantso indray Aho, dia tsy nisy taminareo namaly; kanefa tsy fohy mihitsy ny "sandriko ka tsy ho afa-manavotra, na ny ^bheriko mba hanafaka.

68 Indro, amin' ny fandevileveko no "andritako ny ranomasina. Ampodiako ho tany foana ny renirano; maimbo ny hazandranony ary ho faty noho ny hetaheta.

69 Tafiako fahamaintisana ny lanitra ary lamba fisaonana no ataoko firakofany.

70 Ary "izao no horaisinareo avy amin' ny tanako—handry amin' alahelo ianareo.

71 Indro ka jereo, tsy misy mba hanafaka anareo; fa tsy nankatò ny feoko ianareo fony Aho niantso anareo avy tany an-danitra; tsy nino ny mpanompoko ianareo, ary rehefa "nirahina ho any aminareo izy ireny dia tsy noraisinareo.

59a Mika 4:11–13.

60a F&F 104:58–59.

^b F&F 1:2.

62a TSM Fibebahana.

^b F&F 88:74.

TSM Fanamasinana.

^d TSM Fiainana

Mandrakizay.

63a TSM Mihaino.

^b Asa 3:22–23;

1 Ne. 22:20–21;

3 Ne. 20:23; 21:11;

F&F 1:14;

JS—T 1:40.

64a Mal. 4:1.

TSM Malakia.

^b JS—T 1:36–37.

^d Isa. 66:15–16;

1 Ne. 22:15;

3 Ne. 25:1;

F&F 29:9; 64:24.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

66a Jao. 1:11.

67a 2 Ne. 28:32.

^b Isa. 50:2;

2 Ne. 7:2.

68a Eks. 14:21;

Jos. 3:14–17.

70a Isa. 50:11.

71a 2 Tan. 36:15–16;

Jer. 44:4–5.

72 Koa “nasiany toambo-kase ny tenivavolombelona ary nofeheziny ny lalàna, ary natolotra ho ao amin’ ny haizina ianareo.

73 Ireo no handeha ho any amin’ ny haizina ivelany, any

no misy ny “fitomaniana sy fidradradrana ary fikitroha-nify.

74 Indro, ny Tompo Andriamanitrareo no efa niteny izany. Amena.

FIZARANA 134

Filazana ny finoana mikasika ny governemanta sy ireo lalàna amin’ ny ankapobeny, nolaniana tamin’ ny safidy niraisana nandritra ny fihao-namben’ ny Fiangonana natao tao Kirtland, Ohio, ny 17 Aogositra 1835 (History of the Church, 2:247–249). Izany dia tamin’ ny fivorian’ ireo mpitondra ny Fiangonana, izay nantsoina mba handinika ny votoatin-kevitra natolotra ho an’ ny famoahana voalohany ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana ho boky. Tamin’ izay fotoana izay, dia nomena izao sava ranonando manaraka izao ity filazana ity: “Mba tsy hahazoana mandiso na mandika vilana ny finoantsika mikasika ny governemantan’ ny tany sy ireo lalàna amin’ ny ankapobeny, dia noheverinay fa mety ny hanoloranay any amin’ ny faran’ ity boky ity ny hevitrany momba izany” (History of the Church, 2:247).

1–4, Tokony harovan’ ny governemanta ny fahalalahan’ ny eritreritra sy ny fivavahana; 5–8, Ny olon-drehetra dia tokony hanohana ny governemantan’ ary haneho fanajana sy fankatoavana ny lalàna; 9–10, Ireo fikambanam-pivavahana dia tsy tokony hanana fahefampanjakana; 11–12, Manana ny rariny ny olona miaro ny tenany sy ny fananany.

MINO isika fa ireo “governemanta dia napetrak’ Andriamanitra ho tombontsoan’ ny olona; ary Izy dia ^bhampamoaka ny olona amin’ ny ataony ao, na amin’ ny fanaovana

lalàna na amin’ ny fampiharana izany, ho soa sy ho filaminan’ ny fiaraha-monina.

2 Mino isika fa tsy misy governemanta afaka miaina amimpiadanana raha tsy arafitra sady tanana ho dikaina ny lalàna izay hiantoka ho an’ ny olona tsirairay ny fananana “fieritreretana ^bmalalaka, ny zo hanana sy hitantana fananana ary ny “fiarovana ny aina.

3 Mino isika fa ilain’ ny governemanta rehetra ny manana “mpitondra fanjakana sy mpi-tsara hampihatra ny lalàm-panjakana; ary izay olona hampihatra ny lalàna araka ny rariny sy

72a Isa. 8:16–20.
73a Mat. 8:11–12;
Lio. 13:28; F&F 19:5.
TSM Haizim-panahy;
Helo.

134 1a F&F 98:4–7;
Fp. 1:12.
b TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.
2a TSM Fieritreretana.

b TSM Safidy.
d F&F 42:18–19.
3a F&F 98:8–10.

ny hitsiny toy izany dia tokony hotadiavina sy hotohanana' ny feon' ny vahoaka raha amina repoblika, na ny sitrapon' ny mpanjaka.

4 Mino isika fa tendrin' Andriamanitra ny fivavahana; fa ny olona dia tompon' andraikitra Aminy ary Aminy irery iha-ny amin' ny fampiasana izany, raha tsy hoe mitaona azy hisalovana ny zo sy ny fahafahan' ny hafa ny heviny momba ny fivavahana; tsy mino kosa isika fa ny lalàn' olombelona dia manana zo hitsabaka hamoaka "lalàm-pivavahana hangeja ny fieritreretana' ny olona, na handidy izay ho fomba fivavaky ny tsirairay na ny daholobe; fa ny mpitsara tsotra dia tokony hanafay ny meloka fa tsy hane-ry na oviana na oviana ny eritreritra, hanafay ny hadisoana fa tsy hanafoana na oviana na oviana kosa ny fahalalahan' ny fanahy.

5 Mino isika fa ny olona tsirairay dia manana adidy hanohana sy hanoa ny fitondram-panjakana misy azy avy, raha mbola arovan' ny lalàn' ny fitondram-panjakana toy izany izy amin' ny zony voajanahary tsy azo esorina; ary ny fiadinana sy ny "fikomiana dia tsy mendrika ny olom-pirenena voaro toy izany ary tokony hofaizina araka izany; ary ny fitondram-panjakana rehetra dia manana zo hampihatra lalàna izay mifanentana indrindra, araka ny fandanjan-jany, amin' ny fiantohana ny

tombontsoam-bahoaka; kanefa ao amin' ny fihazonana ihany koa ny fahalalahan' ny fieritreretana ho masina.

6 Mino isika fa ny olona tsirairay dia tokony hohajaina eo amin' ny andraikiny, toraka izany koa ireo mpanapaka sy mpitsara izay napetraka ho fiarovana ny tsy manan-tsiny ary ho famaizana ny meloka; ary ny "lalàna dia tokony hohajaina sy hankatoavin' olombelona rehetra, fa raha tsy eo ny lalàna dia ho resin' ny fikorontanana sy ny fampihorohoroana ny fiadanana sy ny firindrana; satria ny lalàn' olombelona dia niniana natao mba handaminana ny tombon-tsoantsika, na olona na firenena, eo amin' ny olona samy olona; fa ny lalàn' Andriamanitra kosa, izay manoritsoritra ireo fitsipika momba ny raharaha ara-panahy, dia ho an' ny finoana sy ny fiderana, dia lalàna roa izay samy hamalian' ny olona ny Mpanao azy.

7 Mino isika fa ireo mpanapaka, fanjakana ary ny governemanta dia manana zo sy voatery hampihatra ny lalàna ho fiarovana ny olom-pirenena rehetra amin' ny fiainany malalaka ny finoany ara-pivavahana; fa mino kosa isika, fa araka ny hitsiny, dia tsy manana zo izy ireo hanaisotra izany tombontsoa izany amin' ny olom-pirenena, na handrara azy amin' ny heviny raha tany ka mbola asehony ny fiheverana sy ny fanajana ny lalàna, ary tsy ma-

naporofo fikomiana na fiokoa-
na ny heviny ara-pinoana.

8 Mino isika fa ny fahavitana
heloka dia tokony "hofaizina
araka ny toetry ny heloka; fa ny
vonoana olona, ny fivadihana,
ny halatra, ny hala-botry ary ny
fandravana ny fandriampaha-
lemanana amin' ny ankapobeny
sy amin' ny lafiny rehetra, dia
tokony hofaizina, araka ny fa-
hasarotany sy ny fitaoman' ilay
heloka ny olona hanao ratsy
amin' ny alalan' ny lalàn' ilay
governementa izay nahavitana
an' ilay heloka; ary hitandroana
ny filaminam-bahoaka sy ny fan-
driampahalemana, ny olona re-
hetra dia tokony hisikim-ponitra
ary hampiasa ny fahaizany hi-
tondrana ireo mpandika ny lalà-
na tsara ho amin' ny famaizana.

9 Tsy mino isika fa rariny ny
mampifangaro ny fitaoman' ny
fivavahana amin' ny fitondram-
panjakana tsotra, ka amin' iza-
ny ny fikambanam-pivavahana
iray dia voakolokolo raha ny
iray hafa kosa voasakantsaka-
na amin' ny tombontsoany
ara-panahy, ka lavina amin' ny
mpikambana tsirairay ny zo
maha-olom-pirenana azy.

10 Mino isika fa ireo fikamba-
nam-pivavahana rehetra dia
manana zo hanitsy ny mpikam-
bana ao aminy noho ny fiton-
dran-tenany tsy mendrika,
araka ny fitsipi-pitondran-te-
nan' ny fikambanana toy izany,
raha toa ka mianina amin' ny zo
maha-mpikambana sy ny toe-
rana tsara eo imason' Andria-

manitra ny fanitsiana toy izany;
nefa tsy mino isika fa ny fikam-
banam-pivavahana dia manana
fahefana hitsara ny olona mom-
ba ny zony amin' ny fananany
na amin' ny ainy, ka haka aminy
ny fananan' ity izao tontolo izao
ity, na hamela ny ainy na ny
ratsambatany hotandindomin-
doza, na hampihatra famaizana
ny vatana aminy. Ny hany azon'
ny fikambanana hatao dia ny
"manala azy tsy ho mpikamba-
na na ny manaisotra aminy ny
zo maha-mpikambana.

11 Mino isika fa tokony hiantso
ny lalàm-panjakana ny olona ho
fanarenana ny hadisoana sy ny
tsy fahamarinana rehetra, ao
amin' izay misy fanararaotana
ny tena na ny zo amin' ny fana-
nana, na misy fanalam-baraka,
dia lalàna izay misy mba hiaro-
vana amin' ny toy izany; nefa
mino isika fa ny olona dia ma-
nana ny marina rehefa miaro
ny tenany, ny namany ary ny
fananany sy ny governemanta-
ny amin' ny fanafihana sy ny
fanitsakitsahan-jo tsy ara-dalàna
ataon' ny olona amin' ny fotoan-
tsarotra izay tsy ahafahana
miantehitra avy hatrany amin'
ny lalàna mba hila famonjena.

12 Mino isika fa rariny ny "hi-
toriana ny filazantsara amin'
ireo firenena etỳ an-tany ary ny
hampitandremana ny marina
mba hiaro ny tenany amin' ny
fahalovan' izao tontolo izao;
tsy mino kosa isika fa rariny ny
hitsabahana amin' ny rahara-
han' andevo, na ny mitory fila-

zantsara aminy na ny manao batisa azy mifanohitra amin' ny sitrapo sy ny fanirian' ny tompony, na ny mifangaroharo aminy na ny mitaona azy farafahakeliny, ka hahatonga azy ho tsy faly amin' ny toerana misy azy eo amin' izao fiainana izao

sady hampahita loza ny fiainan' olona; ny fitsabahana toy izany dia inoantsika ho tsy araka ny lalàna sy tsy rariny ary mampidi-doza ho an' ny fandriampahaleman' ny governemanta izay mamela ny olona hotanana ao amin' ny fanandevozana.

FIZARANA 135

Maty maritiora tao Carthage, Illinois i Joseph Smith Mpaminany sy ny patriarika Hyrum Smith rahalahiny ny 27 Jona 1844 (History of the Church, 6:629–631). Ity tahirin-kevitra ity dia nosoratan' i John Taylor loholona, avy ao amin' ny Filankevitry ny Roambinifololahy, izay vavolombelon' ny fisehoan-javatra.

1–2, *Maty maritiora tao amin' ny fonjan' i Carthage i Joseph sy i Hyrum*; 3, *Ambara fa manan-tombo ny toeran' ny Mpaminany*; 4–7, *Ny ra tsy manan-tsinin' izy ireo dia vavolombelona manambara ny fahamarinana sy ny maha avy amin' Andriamanitra ny asa.*

HO famehezana ny teniva-
volombelon' ity boky ity sy ny Bokin' i Môrmôna, dia ambaranay fa “maty maritiora i ^bJoseph Smith Mpaminany sy i Hyrum Smith Patriarika. Notifirin' ny mpihetraketraka mitam-piadiana—nihosotra loko mainty—teo amin' ny 150 ka hatramin' ny 200 isa, tao amin' ny fonjan' i “Carthage izy ireo ny faha-27 ny volana Jona 1844, tokony ho tamin' ny dimy ora hariva. “Hyrum no voatifitra voalohany ary nilofika mora

sady nihiaka hoe: *Maty aho!* Nitsambikina avy teo am-baravarankely i Joseph raha voatifitra teo am-panaovana izany ary nihiaka hoe: *Tompo Andriamanitra ô!* Samy notifirina tamin' ny fomba feno herisetra izy ireo na dia efa maty aza ka samy voan' ny bala efatra.

2 “John Taylor sy Willard Richards, ny roa tamin' ny Roambinifololahy, no hany olona tao amin' ilay efitra tamin' izay fotoana izay; irỳ voalohany dia noratrain' ny bala efatra tamin' ny fomba feno habibiana saingy efa sitrana izy hatramin' izay; itỳ faharoa, noho ny fitondran' Andriamanitra dia afaniala ka tsy nisy loaka akory ny akanjony.

3 Joseph Smith, ilay “Mpaminany sy ^bMpahitan' ny Tompo dia efa nahavita mihoatra noho

135 1a F&F 5:22; 6:30.
TSM Maritiora.
b TSM Smith, Joseph,
zanany

d TSM Fonjan' i
Carthage (Etazonia).
e TSM Smith, Hyrum.
2a TSM Taylor, John.

3a TSM Mpaminany.
b TSM Mpahita.

ny olona rehetra niaina teto, afa-
tsy i Jesoa irery ihany, ho famon-
jena ny olona eo amin' ity izao
tontolo izao ity. Tao anatin' ny
fotoana fohy, roapolo taona, dia
namoaka ny Bokin' i Môrmôna
izy, izay nadikany araka ny fa-
nomezam-pahasoavana sy ny
herin' Andriamanitra, ary efa
nanjary fitaovana tamin' ny fa-
moahana izany ho an' ny konti-
nenta roa; nandefa ny ^dfahafe-
noan' ny filazantsara maharitra
mandrakizay izay noraketin'
izany, ho an' ny vazan-tany efa-
tra; namoaka ireo fanambarana
sy didy izay mandrafitra ity bo-
kin' ny Fotopampianarana sy
Fanekepiahavanana ity ary ireo
tahirin-kevitra sy torolalana
misy fahendrena hafa maro ho
tombontsoan'ny zanak' olom-
belona; nampivondrona ny an'
arivony maro tamin' ny Oloma-
sin' ny Andro Farany, nanorina
“tanàna lehibe ary namela laza
sy anarana izay tsy hay vonoina.
Lehibe izy teo amin' ny fiainana,
ary lehibe izy teo amin' ny faha-
fatesana, teo imason' Andria-
manitra sy ny olony; ary toy ny
ankamaroan' ireo olom-boaho-
sotry ny Tompo tamin' ny andro
fahizay, dia efa namehy ny asa
nanirahana azy sy ny asany
tamin' ny ^frany izy; ary toraka
izany koa i Hyrum rahalahiny.
Teo amin' ny androm-piainany
dia tsy voazarazara izy ireo ary
tamin' ny fahafatesana dia tsy
tafasaraka!

4 Raha nandeha nankany
Carthage i Joseph, mba hanolo-
tra ny tenany amin' izay nola-
zaina ho fitakian' ny lalàna, roa
na telo andro talohan' ny namo-
noana azy, dia hoy izy: “Man-
deha tahaka ny “zanak' ondry
ho any amin' ny mpamono azy
aho, saingy tony toy ny maraim-
pahavaratra; madio ny fieritre-
retako ary tsy meloka amin'
Andriamanitra sy amin' ny olon-
drehetra aho. HO FATY TSY MA-
NAN-TSINY AHO, ARY IZAO ANEFA
NO HOLAZAINA MOMBA AHY —
NOVONAINA TSY AMIM-PIHAM-
BAHAMBANA IZY” —Ny androtr'
iny maraina iny ihany, nony
vitan' i Hyrum ny fiomanany
handeha—holazaina ve hoe
handeha hovanoina? eny, satria
izay no izy—dia namaky izao
andinin'ny manaraka izao, izay eo
akaikin' ny fiafaran' ny toko fa-
haroa ambin' ny folon' i Etera,
ao amin' ny Bokin' i Môrmôna,
izy ary namoritra ny takila:

5 Ary ny zava-nitranga dia niva-
vaka tamin' ny Tompo aho mba
hanomezany fahasoavana ho an' ny
Jentilisa, mba hananany fiantrana.
Ary ny zava-nitranga dia hoy ny
Tompo tamiko: Raha tsy manana
fiantrana izy dia tsy ahoanao izany,
efa nahatoky ianao; koa “hodiovina
ny fitafianao. Ary noho ianao efa
nahita ny fahalemenao, dia hoha-
tanjahina ianao, ka hipetraka mihi-
tsy ao amin' ny fitoerana izay efa
nomaniko any amin' ny fonenan-
dRaiko. Ary ankehitriny, izaho. . .

3d F&F 35:17; 42:12.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.

e TSM Nauvoo, Illinois
(Etazonia).
f Heb. 9:16-17;
F&F 136:39.

4a Isa. 53:7.
5a F&F 88:74-75.

dia manao veloma ny Jentilisa; eny, ary koa ny rahalahiko izay tiako, ambara-pihaonantsika eo anoloan' ny ^btoeram-pitsaran' i Kristy, izay hahafantaran' ny olon-drehetra fa tsy voapentin' ny ranareo ny fitaifiako. Efa maty ankehitriny ireo ^dmpanao ny didim-pananana ary manankery ny didim-pananany.

6 Hyrum Smith dia feno efatra amby efapolo taona tamin' ny volana Febroary 1844, ary i Joseph Smith dia feno valo amby telopolo taona tamin' ny volana Desambra 1843; ary hatrizao dia horaketina eo anivon' ireo maritioran' ny fivavahana ny anarany; ary hampahatsiahi-vina ny mpamaky any amin' ny firenena tsirairay, fa ny Bokin' i Môrmôna sy ity Bokin' ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanan' ny fiangonana ity dia novidin' ny ra tsara indrindra tamin' ny taonjato fahasivy ambin' ny folon' ny famoahana azy ho famonjena izao tontolo izao rava; ary raha ny ^ahazo maintso aza azon' ny afo mainina, ho voninahitr' Andrimanitra, mainka ho mora erỳ ny handevonany ny hazo maina hanadiovana ny tanimboaloboka amin' ny fahalovana. Velona ho an' ny voninahitra izy ireo; maty ho an' ny voninahitra; ary ny voninahitra no valisoany mandrakizay. Amin' ireo taona mifandimby no hiampitan' ny

anarany mankamin' ny taranaka toy ny vatosoa ho an' ny nohamasinina.

7 Madio tamin' izay mety ho heloka izy ireo, toy ny efa nana-porofoana izany matetika teo aloha, ary tsy naiditra am-ponja izy ireo raha tsy noho ny fio-koan' ny mpamadika sy ny olon-dratsy ihany; ary ny ra tsy manan-tsininy teo amin' ny gorodon' ny fonjan' i Carthage dia kase miharihary voatomboka teo amin' ny *"Môrmônisma,"* izay tsy misy fitsarana eto antany afaka mitsipaka, ary ny *ra tsy manan-tsininy* tamin' ny sarim-pamantarana ny Faritanin' i Illinois, mbamin' ny toky avy amin' ny Faritany nomen' ny governora nefa rava, dia vavolombelon' ny fahamarinan' ny filazantsara maharitra mandrakizay izay tsy azon' ny eran' izao tontolo izao lavina; ary ny *ra tsy manan-tsininy* teo amin' ny fanevan' ny fahafahana sy teo amin' ny *lalàm-panorenan'* i Etazonia dia masoivohon' ny fivavahan' i Jesoa Kristy izay hanohina ny fon' ireo olo-marintoaetra any anivon' ny firenen-drehetra; ary ny *ra tsy manan-tsininy*, mbamin' ny ra tsy manan-tsinin' ireo maritiora rehetra, teo ambanin' ny *"alitarà, izay hitan' i Jaona,* dia hiantso ny Tompon' ny Maro ambara-pamaliany izany ra izany eto antany. Amena.

5b Etera 12:36-38.
d Heb. 9:16-17.

6a Lio. 23:31.
7a Fan. 6:9.

FIZARANA 136

Ny teny sy ny sitrapon' ny Tompo nomena tamin' ny alalan' ny Filoha Brigham Young tao Winter Quarters, ny tobin' i Isiraely, tao amin' ny tanin' ny Omaha, tamin' ny ilany andrefana amin' ny Reniranon' i Missouri, akaikin' i Council Bluffs, Iowa (Journal History of the Church [Diarin' ny Tantaran' ny Fiangonana], 14 Janoary 1847).

1–16, Hazavaina ny fomba handaminana ny tobin' i Isiraely amin' ny diany miankandrefana; 17–27, Didina ireo Olomasina hiaina araka ireo fitsipika maro ao amin' ny filazantsara; 28–33, Tokony hihira, handihy, hivavaka ary hianatra fahendrena ireo Olomasina; 34–42, Voavono ireo mpaminany mba ho azo omem-boninahitra ary koa mba ho azo helohina ny olon-dratsy.

NY Teny sy ny Sitrapon' ny Tompo momba ny Tobin' i Isiraely amin' ireo fandehana-ny miankandrefana:

2 Aoka ny olon-drehetra ao amin' Ny "Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany sy ireo izay miaramandeha aminy halamina ho andiany, miaraka amin' ireo fanekena sy fampanantenana ny hitandrina ireo didy sy fitsipika rehetra an' ny Tompo Andriamanitsika.

3 Aoka ireo andiany halamina ho kapitenin' ny "zato, kapitenin' ny dimampolo ary kapitenin' ny folo, ka filoha iray sy mpanolotsaina roa no mitarika azy, eo

ambany fahefan' ny ^bApostoly Roa ambin' ny folo.

4 Ary izao no ho "fanekentsika—fa isika dia ^bhandeha araka ny "ôrdônansy rehetra an' ny Tompo.

5 Aoka ny andiany tsirairay hamatsy ny tenany araka izay tratra amin' ny biby mpitarika rehetra, ny sarety, ny vatsy, ny fitafiana, ary ireo zavatra ilaina hafa ho amin' ny dia.

6 Rehefa voalamina ireo andiany, dia aoka izy ireo hifofotra amin' ny heriny ka hanomana ireo izay tokony hijanona.

7 Aoka ny andiany tsirairay, miaraka amin' ny kapiteniny sy ny filohany avy, hanapaka ny isan' ireo izay afaka mandeha amin' ny lohataona manaraka; mifidiana ka ataovy ampy ny isan' ireo lehilahy matanjaka sy za-draharaha mba hitondra ireo biby mpitarika masomboly ary fitaovam-pambolena, mba handeha toy ny mpisava lalana ka hanomana ny famafazam-boia amin' ny lohataona.

8 Aoka ny andiany tsirairay hitondra zara mitovy, araka ny

136 2a TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny.

3a Eks. 18:21–26.

^b TSM Apostoly.

4a TSM Fanekepiahavanana.

^b TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.

^d TSM Ôrdônansy.

anjara fananany avy, amin' ny fiahiana ny "mahantra, ny ^bmananotena, ny ^dkamboty ary ny fianakavian' ireo izay efa lasa miaramila, ka ny hiakan' ny mananotena sy ny kamboty dia tsy ho tonga eo an-tsofin' ny Tompo hiampanga ity vahoaka ity.

9 Aoka ny andiany tsirairay hanomana trano sy saha hambolena voa, ho an' ireo izay hijanona aorian' ity vanim-potoana ity; ary izany no sitrapon' ny Tompo momba ny vahoakany.

10 Aoka ny olona tsirairay hampiasa ny fitaomany rehetra sy ny fananany hamindrana ity vahoaka ity hankamin' ny toerana izay hampiorenan' ny Tompo ny "tsatòkan' i Ziona.

11 Ary raha ataonareo amin' ny fo madio izany, amin' ny fahatokiana rehetra, dia "hotahina ianareo; hotahina ianareo amin' ny biby fiompinareo, na madinika izany na vaventy, ary amin' ny sahanareo sy amin' ny tranonareo ary amin' ny fianakavianareo.

12 Aoka ny mpanompoko isany: Ezra T. Benson sy Erastus Snow hanangana andiany.

13 Ary aoka ny mpanompoko isany Orson Pratt sy Wilford Woodruff hanangana andiany.

14 Ary aoka koa ny mpanompoko isany Amasa Lyman sy George A. Smith hanangana andiany.

15 Ary hanendry ireo filoha

sy kapitenin' ny zato ary ny an' ny dimampolo sy ny an' ny folo.

16 Ary aoka ireo mpanompo, izay efa voatendry handeha sy hampianatra izany sitrapoko izany amin' ny olomasina, mba ho vonona ka handeha mankamin' ny tanin' ny fandriampahalemana.

17 Mandehana ataovy izay efa nolazaiko anareo ary aza matahotra ny fahavalonareo; fa tsy hanana hery hisakanana ny asako izy.

18 "Havotana i Ziona amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

19 Ary raha misy olona mikatsaka ny hanalehibe ny tenany ary tsy mikatsaka ny "torohevitra, dia tsy hanana hery izy ary haharihary ny hadalany.

20 Mitadiava ianareo; ary "tandremo avokoa ireo fifanomezan-toky nifanaovanareo; ary aza ^bmitsiriritra izay an' ny rahalahinareo.

21 "Tandremo ny tenanareo amin' ny ratsy amin' ny fanononana foana ny anaran' ny Tompo, fa Izaho no Tompo Andriamanitrareo, dia Ilay ^bAndriamanitry ny rainareo, ilay Andriamanitr' i Abrahama sy ny an' i Isaka ary ny an' i Jakoba.

22 "Izaho no Izy izay nitondra ny zanak' i Isiraely nivoaka ny tany Egypta; ary ny sandriko dia efa mihinjitra amin' ny an-

8a TSM Mahantra.
b TSM Mpitondratena.
d Jakoba 1:27;
3 Ne. 24:5.
10a TSM Tsatòka.
11a Deot. 28:1-14.

TSM Fiahiana.
18a F&F 100:13.
19a TSM Torohevitra.
20a TSM Fahamarinantoetra.
b TSM Mitsiriritra.

21a TSM Faniratsirana.
b Eks. 3:6; 1 Ne. 19:10.
22a Eks. 13:18; Jer. 2:5-7;
1 Ne. 5:15;
Almà 36:28.
TSM Jehovah.

dro farany mba ^bhamonjy an' i Isiraely oloko.

23 Atsaharo ny ^afifandiranareo; atsaharo ny mifampiteny ^bratsy.

24 Atsaharo ny ^afimamoanareo; ary aoka ny teninareo hikendry ny ^bfifampiorenanana.

25 Raha mindrana amin' ny namanao ianao dia hamerina izay efa ^anindraminao; ary raha tsy afaka mamerina ianao dia mandehana avy hatrany miteny amin' ny namanao fandrao hanameloka anao izy.

26 Raha hitanao izay efa ^anoverezin' ny rahalahinao, dia hazoto hikaroka ianao mandrapamerinao izany aminy indray.

27 Ianao dia ^ahazoto amin' ny fitsimbinana izay anananao, mba hahatonga anao ho ^bmpitantan-draharaha hendry; fa fanomezana maimaim-poana avy amin' ny Tompo Andriamanitrao izany, ary ianao no mpitantan-draharahany.

28 Raha faly ianao dia miderà ny Tompo amin' ny ^afihirana, amin' ny mozika, amin' ny fandihizana ary amin' ny ^bvavaka fiderana sy ny ^afanaterantsoatra.

29 Raha ^afeno alahelo ianao dia miantsoa ny Tompo Andriamanitrao amin' ny fitalahoana,

mba ho ^bfeno hafaliana ny fanahinao.

30 Aza matahotra ny fahavalonao fa eo an-tanako izy, ary Izaho hanao aminy araka izay sitrako.

31 Tsy maintsy ^asedraina amin' ny zava-drehetra ny vahoakako mba ho voaomana izy ny handray ny ^bvoninahitra izay ananako ho azy, dia ny voninahitr' i Ziona; ary izay tsy hizaka ^afamaizana dia tsy mendrika ny fanjakako.

32 Aoka izay tsy manam-pahalalana hianatra ^afahendrena amin' ny ^bfanetrena ny tenany sy ny fiantsoana ny Tompo Andriamaniny, mba ho azo ahiratra ny masony hahitany ary soka-fana ny sofiny handrenesany;

33 Fa ny ^aFanahiko dia alefa any amin' izao tontolo izao hanazava ireo manetry tena sy manenina, ary ho fanamelohana ny tsy manana an' Andriamanitra.

34 Ireo rahalahinareo dia efa nitsipaka anareo sy ny tenivolombelonareo, na dia ny firenena aza dia efa ^anandroaka anareo hiala;

35 Ary tonga ankehitriny ny andron' ny antambony, dia ireo andron' ny alahelo, tahaka ny vehivavy izay mihetsi-jaza; ary

22b Jer. 30:10;
Ezek. 20:33–34;
F&F 38:33.

23a 3 Ne. 11:29–30.
TSM Fifandirana.
b F&F 20:54.
TSM Fitenenan-dratsy.

24a TSM Tenin' ny
Fahendrena.
b F&F 108:7.

25a Sal. 37:21;
Môsià 4:28.

TSM Trosa;
Fahamarinan-toetra.

26a Lev. 6:4;
Deot. 22:3.

27a TSM Fahazotoana.
b TSM Fitantanandraharaha.

28a TSM Mihira.
b TSM Vavaka.
d 2 Tan. 5:13;
F&F 59:15–16.
TSM Misaotra.

29a 2 Sam. 22:7.

b TSM Fifaliana.

31a F&F 101:4.
TSM Fahoriana.

b Roma. 8:18;
F&F 58:3–4.
TSM Voninahitra.

d TSM Famaizana.

32a TSM Fahendrena.

b TSM Fanetren-tena.

33a TSM Fanahy Masina.

34a TSM Fanenjehana.

ho lehibe ny alahelony raha tsy mibebaka haingana izy, eny, tena faingana tokoa.

36 Fa novonoiny ireo mpaminany sy ireo izay nirahina tany aminy; ary efa nalatsany ny ra tsy manan-tsiny izay miantso avy ao amin' ny tany miam-panga azy.

37 Koa aza talanjona amin' ireny zavatra ireny fa tsy mbola "madio ianareo; tsy mbola mahatanty ny voninahitra ianareo; saingy hahita izany ianareo raha mahatoky amin' ny fitandremana ny teniko rehetra izay efa ^bnomeko anareo, hatramin' ny andron' i Adama ka hatramin' i Abrahama, hatramin' i Abrahama ka hatramin' i Mosesy, hatramin' i Mosesy ka hatramin' i Jesoa sy ny apostoliny, ary hatramin' i Jesoa sy ny apostoliny ka hatramin' i Joseph Smith, izay nantsoiko tamin' ny alalan' ireo "anjeliko, ireo mpampompoko mpiahy, ary tamin' ny alalan' ny feoko izay nivoa-

ka avy tany an-danitra, mba hamoaka ny asako;

38 Dia fototra izay nalatsany, ary nahatoky izy; ary nalaiko ho any Amiko izy.

39 Maro no efa talanjona noho ny fahafatesany; saingy nilaina ny "hamehezany ny ^btenivavolombelony amin' ny ^drany, mba ho azo omem-boninahitra izy ary ho azo helohina ny olon-dratsy.

40 Tsy efa nanafaka anareo tamin' ny "fahavalonareo va Aho ka namela tamin' izany vavolombelona iray ho an' ny anarako?

41 Koa mihainoa ianareo ankehitriny, Ry vahoakan' ny "fiangonako ô; ary ianareo loholona miaraha-mihaino; efa noraisinareo ny ^bfanjakako.

42 Mazotoa mitandrana ny didiko rehetra fandrao hianjady aminareo ny famaizana, ka ho levona ny finoanareo ary handresy anareo ny fahavalonareo. Izay aloha ny amin' izao fotoana izao. Amena dia Amena.

FIZARANA 137

Fahitana nomena an' i Joseph Smith Mpaminany tao amin' ny tempolin' i Kirtland, Ohio, ny 21 Janoary 1836 (History of the Church, 2:380–381). Fanatanterahana ireo ôrdônansin' ny fanafiana masina, araka izay efa nanambarana izany, tamin' io fotoana io.

1–6, Hitan' ny Mpaminany ao amin' ny fanjakana selestialy i Alvin rahalahiny; 7–9, Ambara ny fotopampianarana momba ny

famonjena ny maty; 10, Voavonjy ao amin' ny fanjakana selestialy ny ankizy rehetra.

37a TSM Madio.
b Hel. 8:18.
d Fan. 14:6;
F&F 110:11–16;
128:19–21;
JS—T 1:30–47.

39a Môsià 17:20;
F&F 135:3.
b TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.
d TSM Maritiora.
40a Eks. 23:22;

F&F 8:4; 105:15.
41a TSM Fiangonan' i
Jesoa Kristy.
b Dan. 7:27.

NOSOKAFANA ho anay ny ^alanitra ka tazako ny ^bfanjakana selestialin' Andriamanitra sy ny voninahiny, na tao amin' ny ^avatako aho na tany ivelany, dia tsy haiko lazaina.

2 Hitako ny hatsarana manantombon'ny ^avavahady izay hidiran' ireo mpandovan' izany fanjakana izany, izay nitovy tamin' ny ^blelafo manao faribolana;

3 Ary koa ny seza fiandrianana ^amampirapiratra an' Andriamanitra, izay nipetrahan' ny ^bRay sy ny ^aZanaka.

4 Hitako ny lalana tsara tarehin' ilay fanjakana, izay nanana ny endriky ny lalana ^avolamena.

5 Hitako i ^aAdama Ray sy i ^bAbrahama; ary ny ^araiko sy ny ^ereniko; i ^fAlvin rahalahiko izay efa nodimandry hatry ny ela;

6 Ary nahatalanjona ahy ny nahazoany ^alova ao amin' izany fanjakana izany, noho izy nandao izao fiainana izao talohan'

ny naninjiran' ny Tompo ny tanany hanangonana an' i Isiraely ^bfanindroany, ka tsy ^avita batisa ho famelana ny fahotana.

7 Toy izao no nahatongavan' ny ^afeon' ny Tompo tamiko, manao hoe: Ireo rehetra izay efa maty ^btsy nanana fahalalana ity filazantsara ity, izay ho nandray izany raha navela hitoetra, dia ho ^ampandova ny ^efanjakana selestialin' Andriamanitra;

8 Ary koa ireo rehetra izay ho faty tsy manana izany fahalalana izany hatramin' izao, izay ho ^anandray izany tamin' ny fony manontolo, dia ho mpandova izany fanjakana izany;

9 Fa Izaho Tompo dia ^ahitsara ny olon-drehetra araka ny ^basany, araka ny ^efanirian' ny fony.

10 Ary tazako koa fa ny anki-zy rehetra izay maty alohan' ny hahatongavany amin' ny ^ataona maha-tompon' andraikitra azy dia ^bvoavonjy ao amin' ny fanjakana selestialin' ny lanitra.

137 1a Asa 7:55–56;

1 Ne. 1:8;

Hel. 5:45–49;

JS—T 1:43.

b TSM Voninahitra Selestialy.

d 2 Kor. 12:2–4;

1 Ne. 11:1; Mos. 1:11.

2a 2 Ne. 9:41; 31:17.

b Eks. 24:17;

Isa. 33:14–15;

Hel. 5:23;

F&F 130:7.

3a Isa. 6:1; Ezek. 1:26–28.

b TSM Andriamanitra—Andriamanitra Ray.

d TSM Andriamanitra—Andriamanitra Zanaka.

4a Fan. 21:21; F&F 110:2.

5a TSM Adama.

b F&F 132:29.

TSM Abrahama.

d F&F 124:19.

TSM Smith, Joseph, rainy.

e TSM Smith, Lucy Mack.

f JS—T 1:4.

6a TSM Famonjena ho an' ny Maty.

b Isa. 11:11;

1 Ne. 22:10–12;

Jakôba 6:2.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

d Jao. 3:3–5; 2 Ne. 9:23; Etera 4:18–19;

F&F 76:50–52; 84:74.

TSM Batisa.

7a Hel. 5:30.

TSM Fanambarana.

b DJS, 1 Pet. 4:6;

2 Ne. 9:25–26;

Môsià 15:24.

d F&F 76:50–70.

e TSM Voninahitra Selestialy.

8a Almà 18:32;

F&F 6:16.

9a Fan. 20:12–13.

TSM Fitsarana

Farany, Ny.

b TSM Asa.

d F&F 64:34.

TSM Fo.

10a TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

b TSM Famonjena—Famonjena ny ankizy.

FIZARANA 138

Fahitana nomena ny Filoha Joseph F. Smith tao Salt Lake City, Utah, ny 3 Ôktôbra 1918. Tamin' ny lahateniny ho fanokafana ny Isanenimbolan' ny Fihaonamben' ny Fiangonana faha 89 ny 4 Ôktôbra 1918, dia nilaza ny Filoha Smith fa nanana fifandraisana maro tamin' Andriamanitra izy nandritra ireo volana teo aloha. Anankiray tamin' ireny ilay noraizin' ny Filoha Smith, andro iray talohan' izany, momba ny famangian' ny Mpamonjy ireo fanahin' ny maty raha mbola tao am-pasana ny vatany. Nosoratana taorian' ny fifaranan' ny fihaonambe avy hatrany izany. Ny 31 Ôktôbra 1918, dia natolotra hankatoavin' ireo mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana Voalohany, ny Filankevitry ny Roambinifololahy ary ny Patriarika izany ary nankatoavin' izy ireo tamin' ny alalan' ny faneken' ny daholobe.

1-10, Nisaintsaina ny asa soratr' i Petera sy ny famangian' ny Tom-pontsika ny tontolon' ny fanahy ny Filoha Joseph F. Smith; 11-24, Hitan' ny Filoha Smith ny nivo-rian' ireo olo-marina nodimandry tao amin' ny paradisa sy ny nampianaran' i Kristy azy ireo; 25-37, Hitany ny fomba nandaminana ny fitoriana ny filazantsara teo anivon' ireo fanahy; 38-52, Hitany tao amin' ny tontolon' ny fanahy i Adama, i Eva ary ny maro tamin' ireo mpaminany masina izay nihevitra ny toetry ny fanahiny alohan' ny fitsanganana amin' ny maty ho toy ny fatorana; 53-60, Ny marina nodimandry amin' izao andro izao dia manohy ny asany ao amin' ny tontolon' ny fanahy.

NY fahatelon' ny volana Ôktôbra, ny taona valo ambin' ny folo sy sivinjato sy arivo, dia nipetraka tao an' efi-

tranoko aho "nisaintsaina ny momba ny soratra masina;

2 Sady nieritreritra ny amin' ny "sorompanavotana lehibe izay nataon' ny Zanak' Andriamanitra ho ^bfanavotana izao tontolo izao;

3 Ary ny "fitiavana lehibe sy mahagaga nasehon' ny Ray sy ny Zanaka tamin' ny fiavian' ny ^bMpanavotra teo amin' izao tontolo izao;

4 Mba ho azo vonjena amin' ny alalan' ny "sorompanavotany sy amin' ny ^bfankatoavana ny fitsipiky ny filazantsara ny olombelona.

5 Raha mbola revo toy izany aho, dia niverina tany amin' ny asa soratry ny apostoly Petera ny saiko, tany amin' ireo "olomasina voalohany izay niely patrana eran' i ^bPonto, i Galatia, i Kapadokia ary ireo faritra hafa any Azia, izay efa nitoriana ny

138 1a TSM Misaintsaina.
2a Mat. 20:28.
TSM Sorompanavotana.
b TSM Drafitry ny

Fanavotana.
3a Jao. 3:16.
TSM Fitiavana.
b TSM Mpanavotra.
4a Fp. 1:3.

b Mat. 7:21.
TSM Mankatò.
5a 1e olomasina fahiny.
b 1 Pet. 1:1.

filazantsara taorian' ny fanomboana ny Tompo.

6 Nanokatra ny Baiboly aho ary namaky ny toko fahatelo sy fahefatra ny epistily voalohan' i Petera, ary raha namaky aho dia nampihetsi-po ahy fatratra noho ny teo aloha ireto andini-ny manaraka ireto:

7 “Fa i Kristy koa aza dia efa nijaly indray mandeha noho ny fahotana, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin' Andriamanitra, ka novonoina tamin' ny nofo, fa novelomina tamin' ny Fanahy:

8 “Izay nandehanany sy nitoriany teny tamin' ireo fanahy tao “an-tranomaizina;

9 “Dia izay tsy nanaiky fahiny, fony niandry ny faharipon' Andriamanitra, tamin' ny andron' i Noa, raha mbola namboarina ny sambofiara izay nidiran' ny olona vitsy, ka dia novonjena tamin' ny rano izy valo mianaka.” (1 Petera 3:18–20).

10 “Fa noho izao antony izao no nitoriana ny filazantsara koa na dia tamin' izay maty aza: mba hotsaraina araka ny olona ao amin' ny nofo izy, fa velona araka an' Andriamanitra ao amin' ny fanahy.” (1 Petera 4:6.)

11 Raha nisaintsaina ny amin' ireo zavatra izay “voasoratra

ireo aho, dia nosokafana ny ^bmasom-pahatakarako ary ^dni-toetra tamiko ny Fanahin' ny Tompo, ka hitako ireo vahoakan' ny ^ematy, na ny kely na ny lehibe.

12 Ary niara-nangonina tamin' ny toerana iray ireo andiana fanahin' ny “marina tsy tambo isaina, izay efa ^bnahatoky tamin' ny tenivavolombelon' i Jesoa, fony izy ireo tao amin' ny toetry ny mety maty;

13 Izay efa nanao “sorona, nitovy tamin' ny sorona lehibe nataon' ny Zanak' Andriamanitra, ary efa ^bniaritra fahoriana tamin' ny anaran' ny Mpanavotra azy.

14 Ireo rehetra ireo dia efa nandao ny toetry ny mety maty, niorina tao amin' ny “fanantenana ny ^bfitsanganana amin' ny maty be voninahitra, amin' ny alalan' ny ^dfahasoavan' Andriamanitra ^eRay sy i Jesoa Kristy ^fZanaka Lahitokany.

15 Tazako fa heniky ny “fifaliana sy ny haravoana izy ireo ary niara-nifaly, satria efa antomotra ny androm-panafahana azy ireo.

16 Nangonina izy ireo hiandry ny fiavian' ny Zanak' Andriamanitra ao amin' ny “tontolon' ny fanahy, mba hanambara ny

8a Isa. 61:1;
Lio. 4:18;
F&F 76:73–74; 88:99.
11a TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.
b Ef. 1:18;
F&F 76:10, 12, 19.
d Isa. 11:2.
e TSM Fanahy.

12a F&F 76:69–70.
b F&F 6:13; 51:19;
76:51–53.
13a TSM Sorona.
b Mat. 5:10–12.
14a Etera 12:4;
Môrô. 7:3, 40–44.
TSM Fanantenana.
b TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.

d TSM Fahasoavana.
e TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.
f TSM Lahitokana.
15a Isa. 51:11;
Almà 40:12.
16a Lio. 23:43;
Almà 40:11–12.
TSM Paradisa.

fanavotana azy ireo amin' ny ^bfamatoran' ny fahafatesana.

17 Ny vovoka matoriny dia "haverina indray amin' ny endriny tanteraka, ny ^btaolana amin' ny taolany, ary ny hoza-tra sy ny nofo amin' ny taolana, ny ^dfanahy sy ny vatana dia hatambatra ka tsy hosarahina na oviana na ovina intsony, mba hahazoany mandray ny fahafe-noan' ny ^efifaliana.

18 Raha mbola niandry sy nita-fa ity vahoaka sesehena ity, nifaly tamin' ny oran' ny fanafahana azy tamin' ny gadran' ny fahafatesana, dia niseho ny Zanak' Andriamanitra, nitory "fanafahana tamin' ireo babo izay efa nahatoky;

19 Ary tao Izy no "nitory tamin' ny ^bfilazantsara maharitra mandrakizay, ny fotopampiana-rana momba ny fitsanganana amin' ny maty sy ny ^dfanavotana ny olombelona amin' ny fahalavoana sy amin' ny fahotan' ny tsirairay raha toa ka ^emibebaka izy.

20 Fa tany amin' ny "olon-dra-tsy Izy no tsy nandeha, ary tany anivon' ireo tsy an' Andriamanitra sy tsy nibebaka, izay ^bnandoto ny tenan' izy ireo fony tao amin' ny nofo, no tsy nanan-dratana ny feony;

21 Ary ireo mpikomy izay efa nitsipaka ireo tenivavolombelona sy fampitandreman' ireo mpaminany fahiny dia tsy nahita azy mifanatrika na nijery ny tavany.

22 Tany amin' izay nisy azy ireo dia nanjaka ny "haizina, fa teo anivon' ny marina kosa dia nisy ^bfiadanana;

23 Ary ireo olomasina dia nifaly tamin' ny "fanavotana azy ireo ka nampilefitra ^blohalika ary nanaiky ny Zanak' Andriamanitra ho mpanavotra sy mpanafaka azy ireo amin' ny fahafatesana sy ny ^dgadhan' ny helo.

24 Namirapiratra ny tavan' izy ireo, ary ny "famirapiratana avy amin' ny fanatrehana ny Tompo dia nitoetra tamin' izy ireo, ary izy ireo dia ^bnihira fiderana ho an' ny anarany masina.

25 Talanjona aho satria azoko fa ny Mpamonjy dia nandany sahabo ho telo taona tamin' ny asa fanompoany teo anivon' ny Jiosy sy ireo ao amin' ny mpianakavin' i Isiraely, niezaka ny nampianatra azy ireo ny filazantsara maharitra mandrakizay sy ny hiantso azy ireo ho amin' ny fibebahana;

26 Kanefa, na dia teo aza ny asa maheriny sy ny fahagagany ary ny filazana ny marina tamin'

16b Môrm. 9:13.

17a 2 Ne. 9:10–13.

b Ezek. 37:1–14.

d F&F 93:33–34.

e TSM Fifaliana.

18a Isa. 61:1.

TSM Famonjena ho an' ny Maty.

19a F&F 76:72–74.

b TSM Filazantsara.

d TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

e TSM Fibebahana.

20a Almà 40:13–14.

TSM Helo;

Faharatsiana.

b 1 Ne. 10:21.

22a TSM Haizim-panahy.

b TSM Fiadanana.

23a TSM Drafitry ny

Fanavotana.

b Roma. 14:11;

Môsià 27:31.

d 2 Ne. 1:13; Almà 12:11.

24a Sal. 104:1–2;

Isa. 60:19; Fan. 22:5;

JS—T 1:17.

TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

b TSM Mihira.

ny “hery sy ny fahefana lehibe, dia tsy nisy afa-tsy olom-bitsy no nihaino ny feony sy nifaly teo anatrehany ary nandray teo an-tanany ny famonjena.

27 Fa ny asa fanompoany teo anivon’ izay nodimandry dia voafetran’ ny “fotoana fohy nihelina teo anelanelan’ ny fanomboana Azy sy ny fitsanganany tamin’ ny maty;

28 Koa nahavelom-panontaniana ahy ny tenin’ i Petera — izay nilazany fa ny Zanak’ Andriamanitra dia nitory tamin’ ireo fanahy tao an-tranomaizina, izay tsy nanaiky fahiny, fony niandry ny faharipon’ Andriamanitra tamin’ ny andron’ i Noa — ka niriko ny hahalala ny fomba nahafahany nitory tamin’ ireo fanahy ireo ary nahatontosa ny asa nilaina teo anivony tao anatin’ ny fotoana fohy toy izany.

29 Ary raha mbola velom-panontaniana aho dia nosokafana ny masoko ary “novelomina ny fahatakarako, ka nahatakarako fa tsy Izy Tompo tenany no nandeha tany anivon’ ny olondratsy sy ny tsy mpankatò izay efa nitsipaka ny fahamarinana mba hampianatra azy ireo;

30 Fa indro, avy teo anivon’ ny olo-marina Izy no nandrin-dra ny heriny ka nanendry iraka nitafy “hery sy fahefana, ary

nandidy azy ireo handeha sy hitondra ny fahazavan’ ny filazantsara ho an’ ireo izay tao amin’ ny ^bhaizina, dia ho an’ ny “fanahin’ ny olona rehetra; ary dia toy izany no nitoriana ny filazantsara tamin’ ny maty.

31 Ary ireo iraka voafidy dia nandeha mba hanambara ny “androm-pankasitrahan’ ny Tompo ary hitory ^bfanafahana amin’ ny babo izay voafatotra, dia amin’ izay rehetra te hibe-baka amin’ ny fahotany sy handray ny filazantsara.

32 Dia toy izany no nitoriana ny filazantsara tamin’ ireo izay efa “maty tao amin’ ny fahotany, ^btsy nahalala ny fahamari-nana, na tao amin’ ny fandikan-dalàna sady efa nitsipaka ireo mpaminany.

33 Ireo dia nampianarina ny “finoana an’ Andriamanitra, ny fibebahana amin’ ny fahotana, ny ^bbatisa isolohana tena ho ^damelana ny fahotana, ny “fanomezana ny Fanahy Masina amin’ ny alalan’ ny fametrahantanana,

34 Ary ireo fitsipika hafa rehetra an’ ny filazantsara, izay nilainy ho fantatra mba hahalany ny tenany, mba “hotsaraina araka ny olona ao amin’ ny nofo izy, fa ho velona araka an’ Andriamanitra ao amin’ ny fanahy.

35 Ary dia nampahafantarina

26a 1 Ne. 11:28.

27a Mar. 8:31.

29a F&F 76:12.

30a Lio. 24:49.

b TSM Haizim-panahy.

d F&F 1:2.

31a Isa. 61:2; Lio. 4:17–19.

b TSM Fahalalahana.

32a Jao. 8:21–24.

b F&F 128:5.

TSM Fahalalana.

33a Fp. 1:4.

TSM Finoana.

b TSM Batisa—Batisa

ho an’ ny maty;

Ôrdônansy—

Ôrdônansy isolohana tena.

d TSM Famelana ny Fahotana.

e TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

34a TSM Fitsarana Farany, Ny.

teo anivon' ny maty izao, na kely na lehibe, ny tsy marina ary koa ny nahatoky, fa ny fanavotana dia efa notontosaina tamin' ny alalan' ny ^afanaovana sorona ny Zanak' Andriamanitra teo amin' ny ^bhazofijaliana.

36 Dia nampahafantarina tamin' izany fa ny Mpanavotra antsika dia nandany ny fotoany nandritra ny fipetrahan' tany amin' ny tontolon' ny fanahy, nampianatra sy nanomana ireo fanahy mahatokin' ireo ^{mpami-}nany izay efa nijoro ho vavolombelony tao amin' ny nofo;

37 Mba hahazoan' izy ireo mitondra ny hafatry ny fanavotana ho any amin' ny maty rehetra, any amin' izay tsy azon' Izy tenany haleha noho ^{fikomiany} sy ny fandikan-dalàny, mba hahazoan' izy ireo mandre koa ny teniny amin' ny alalan' ny fanompoan' ireo mpanompony.

38 Anisan' ireo olona lehibe sy mahery izay nivory tamin' ity fivorian-dehiben' ny olo-marina ity i ^{Adama Ray}, ilay Fahagolan' ny Andro ary rain' ny rehetra,

39 Sy i ^{Eva} renintsika be voninahitra ary ny maro amin' ireo zanakaviny mahatoky izay efa niaina nandritra ireo taon-

tsamihafa ary nidera an' Andriamanitra marina sy velona.

40 I ^{Abela}, ilay ^bmaritiora voalohany, dia teo, ary i ^{Seta} rahalahiny, anankiray amin' ireo mahery, izay nitovy ^{endrika} tanteraka tamin' i Adama rainy.

41 I ^{Noa}, izay nanome fampitandremana ny amin' ny safodrano; i ^{Sema}, ilay ^dmpisorona avo lehibe; i ^{Abrahama}, ilay rain' ny mpino; i ^{Isaka}; i ^{Jakoba}, ary i Mosesy, ilay ^hmpanome lalàna lehibe an' i Isiraely;

42 Ary i ^{Isaia}, izay nanambara tamin' ny faminaniana fa nohosorana ny Mpanavotra mba hanasitrana ny fo torotoro, hitory fanafahana ho an' ny ^bbabo sy ny famoahana avy ao ^{an-}tranomaizina ho an' ireo izay nifatotra, dia teo koa.

43 Ankoatra izany, i ^{Ezekiela} izay nanehoana tamin' ny fahitana ny lohasaha lehibe nisy ^btaola-maina izay hotafiana nofo ka hivoaka ho fanahy velona in-drain' amin' ny ^dfitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty;

44 I ^{Daniela}, izay nahita mialoha sy niteny mialoha ny amin' ny fanorenana ny ^bfanjakan' Andriamanitra amin' ny andro farany, ka tsy horavana na ovia-

35a Almà 34:9-16.

TSM Sorompanavotana; Sorona.

b TSM Hazofijaliana; Fanomboana.

36a F&F 138:57.

37a F&F 138:20.

TSM Fikomiana.

38a TSM Adama.

39a Mos. 4:26.

TSM Eva.

40a TSM Abela.

b TSM Maritiora.

d TSM Seta.

e Gen. 5:3; Mos. 6:10.

41a TSM Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly.

b TSM Sema.

d TSM Mpsiorona Avo.

e Gen. 17:1-8.

TSM Abrahama.

f Gen. 21:1-5.

TSM Isaka.

g Gen. 35:9-15.

TSM Jakoba, Zanakalahin' i Isaka.

h TSM Mosesy.

42a TSM Isaia.

b Isa. 61:1-2.

d TSM Helo.

43a TSM Ezekiel.

b Ezek. 37:1-14.

d TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

44a TSM Daniela.

b Dan. 2:44-45.

TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra.

na na oviana intsony na home-
na vahoaka hafa;

45 I “Elià, izay niaraka tamin’ i
Mosesy teo an-Tendrombohitry
ny ^bFiovan-tarehy;

46 Ary i “Malakia, ilay mpami-
nany izay vavolombelona na-
nambara ny amin’ ny fiavian’ i
^bElia — izay nolazain’ i Môrônia
koa tamin’ i Joseph Smith Mpa-
minany ny aminy sady namba-
rany fa tsy maintsy ho avy izy
mialohan’ ny hahatongavan’ ny
^dandro lehiben’ ny Tompo, an-
dro lehibe sady mahatahotra —
dia teo koa.

47 I Elia Mpaminany dia ham-
boly ao “am-pon’ ny zanaka ireo
fampanantenana natao tamin’
ny rainy,

48 Izay tandindon’ ny “asa le-
hibe tokony hatao any amin’
ireo ^btempolin’ ny Tompo amin’
ny ^dfitantan’ ny fotoam-paha-
fenoana, ho fanavotana ny maty
sy ho “famehezana ny zanaka
amin’ ny ray aman-dreniny, fan-
drao hasiana amin’ ny ozona
ny tany manontolo ary ho rava
tanteraka amin’ ny fiaviany.

49 Ireo rehetra ireo sy ny maro
hafa, dia ireo “mpaminany izay
nitoetra teo anivon’ ny Nefita
ary vavolombelona nanambara
ny amin’ ny fiavian’ ny Zanak’

Andriamanitra, dia nifangaro
tamin’ ny vahoaka sesehena ary
nianty ny fanafahana azy ireo,

50 Satria ny maty dia nihevi-
tra ny fisarahana maharitra eo
amin’ ny “fanahiny sy ny vata-
ny ho toy ny ^bfatorana.

51 Ireo no nampianarin’ ny
Tomo, ary nomeny “hery izy
ireo mba hivoaka aorian’ ny
fitsanganany amin’ ny maty ka
hiditra ao amin’ ny fanjakan’
ny Rainy, ary ao izy ireo no ho-
satrohina ^btsy fahafatesana sy
^dfiainana mandrakizay,

52 Ary hanohy hatrizao ny
asany, toy izay efa nampanan-
tenain’ ny Tompo, ary ho mpan-
dray anjara amin’ ny “fitahiana
rehetra izay notanana ho fian-
dry ho an’ ireo izay tia Azy.

53 I Joseph Smith Mpaminany
sy ny raiko, i Hyrum Smith, i
Brigham Young, i John Taylor,
i Wilford Woodruff ary ireo
fanahy nofinidy hafa izay nota-
nana ho “fiandry mba hivoaka
amin’ ny fotoam-pahafenoana
handray anjara amin’ ny ^bfan-
datsahana ny fototry ny asa
lehiben’ ny andro farany,

54 Ka anisan’ izany ny fanore-
nana tempoly sy ny fanatonto-
sana ireo ôrdônansy ao amin’
izy ireny ho fanavotana ny

45a TSM Elià.

^b TSM Fiovan-tarehy.

46a Mal. 4:5–6;

JS—T 1:36–39.

TSM Malakia.

^b F&F 110:13–15.

TSM Elia.

^d TSM Fiavian’ i Jesoa
Kristy Fanindroany.

47a F&F 128:17.

48a TSM Famonjena ho
an’ ny Maty.

^b TSM Tempoly, Tranon’
ny Tompo.

^d TSM Fotoampitanta-
nana.

^e TSM Fianakaviana—
Fianakaviana
mandrakizay;
Famehezana.

49a Hel. 8:19–22.

50a TSM Fanahy.

^b F&F 45:17.

51a 2 Tan. 6:14;

Almà 40:19–21.

^b TSM Tsy Fahafatesana.

^d F&F 29:43.

TSM Fiainana
Mandrakizay.

52a Isa. 64:4;

2 Tan. 2:9;

F&F 14:7.

53a TSM Fanokanana
Mialoha.

^b F&F 64:33.

“maty, dia tao amin’ ny tontolon’ ny fanahy ihany koa.

55 Hitako fa izy ireo koa dia teo anivon’ ireo “olona ambony sy lehibe izay ^bnofinidy tany am-piandohana mba ho mpanapaka ao amin’ ny Fiangonan’ Andriamanitra.

56 Na dia talohan’ ny nahaterahan’ izy ireo aza, dia nandray ny lesona voalohany tao amin’ ny tontolon’ ny fanahy niaraka tamin’ ireo maro hafa izy ireo, ary “nomanina mba hivoaka amin’ ny ^bfotoana mahamety izany amin’ ny Tompo mba hiasa ao amin’ ny ^atanimboalobony ho famonjena ny fanahin’ ny olona.

57 Hitako fa ireo “loholona mahatoky amin’ ity fotoampitantanana ity, rehefa miala amin’ ny toetry ny mety maty, dia manohy ny asany amin’ ny fitoriana ny filazantsaran’ ny fibebahana sy ny fanavotana,

amin’ ny alalan’ ny sorona nataon’ ny Zanaka Lahitokan’ Andriamanitra, eo anivon’ ireo izay ao amin’ ny ^bhaizina sy ao amin’ ny famatoran’ ny fahotana ao amin’ ny tontolo lehiben’ ny fanahin’ ny maty.

58 Ny maty izay mibebaka dia ho “voavotra amin’ ny alalan’ ny fankatoavana ireo ^bôrdônansin’ ny tranon’ Andriamanitra,

59 Ary rehefa voaloany ny sazin’ ny fandikan-dalàny ary “voasasa madio izy ireo dia handray valisoa araka ny ^basany, fa izy ireo dia mpandova ny famonjena.

60 Dia toy izany ny fahitana ny amin’ ny fanavotana ny maty nambara ahy, ary mijoro ho vavolombelona aho sady mahalala fa “marina izany fanambarana izany noho ny fitahian’ ny Tompontsika sy Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy, izany tokoa. Amena.

FILAZANA OFISIALY—1

Ho an’ Izy Mety ho Voakasik’ Izao:

Koa satria efa nalefa avy teto Salt Lake City, noho ny antony pôlitika, ireo vaovao an-gazety efa naely fatratra tokoa, izay nilazana fa ny Vaomieran’ i Utah, tamin’ ny tatitra farany nataony ho an’ ny Ministry ny Atitany, dia manambara fa ny fampakarana vady maro dia mbola hamasinina, fa efapolo na mihoatra ny fampakaram-bady toy izany vao noraiketina tao Utah hatramin’ ny volana Jona lasa teo na tamin’ ny taona itsy, fa ireo mpitondra ny Fiangonana, tamin’ ny lahateniny ampahibemaso koa dia nam-

54a TSM Ôrdônansy—
Ôrdônansy isoloa-
tena.

55a Abr. 3:22–24.
^b TSM Fanokanana
Mialoha.

56a Joba 38:4–7;

Almà 13:3–7.

^b Asa 17:24–27.

^d Jakôba 6:2–3.

TSM Tanimbolin’ ny
Tomo.

57a TSM Loholona.

^b TSM Helo.

58a TSM Fanavotana.

^b TSM Ôrdônansy.

59a Almà 5:17–22.

TSM Mamela.

^b TSM Asa.

60a TSM Fahamarinana.

pianatra sy nanentana ary nandrisika ny hanohizana ny fomban' ny fampirafesana —

Koa izaho, amin' ny maha-Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ahy, dia milaza etoana, amin' ny fomba tena hentitra, fa ireny fiampangana ireny dia diso. Izahay dia tsy mampianatra fampirafesana na fampakarana vady maro na mamela ny hisian' ny olona hanaraka izany fomba izany, ary laviko fa niisa efapolo na isa hafa ireo fampakarana vady maro nohamasinina nandritra io fotoana io tao amin' ny tempolinay na tamin' ny toeran-kafa teto amin' ny Faritany.

Raharaha iray no nanaovana tatitra ka nilazan' ireo mpanao tatitra fa notanterahina tao amin' ny Tranon' ny Fanafiana Masina, tao Salt Lake City, ilay fampankaram-bady ny lohataonan' ny taona 1889, saingy tsy nety ho fantatro izay nanatanteraka ny lanonana; na inona na inona zava-bita tamin' ity raharaha ity dia tsy nampahafantarina ahy. Noho ity fisehoan-javatra voalaza ity, dia noravana tsy nisy hataka andro, araka ny toromariko, ny Tranon' ny Fanafiana Masina.

Koa satria efa nolanian' ny Kongresy ny lalàna mandrara ny fampakarana vady maro, lalàna izay efa notapahin' ny fitsarana faratampony fa mifanaraka amin' ny lalàm-panorenana, dia ambarako etoana ny fikasako hanoa ireo lalàna ireo sy hampiasa ny fahefako amin' ireo mpikambana amin' ny Fiangonana izay iadi-diako, mba hanaovany toy izany koa.

Tsy misy na inona na inona ao amin' ny fampianarako ny Fiangonana na ao amin' ny an' ireo mpiara-miasa amiko, nandritra io fotoana voatondro io, izay azo raisina amim-piheverana tokoa ho fanentanana na fandrilihana ny fampirafesana; ary raha nisy loholon' ny Fiangonana nampiasa fiteny izay toa nampiditra fampianarana toy izany, dia nanarina faingana izy. Ary ankehitriny, dia ambarako ampahibemaso fa ny torohevitra ho an' ireo Olomasin' ny Andro Farany dia ny hifehezany ny tenany ka tsy handraiketany fanambadiana voararan' ny lalàn' ny tany.

WILFORD WOODRUFF

Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy
ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Natolotry ny Filoha Lorenzo Snow izao fehin-kevitra manaraka izao:

“Noho ny fanekena an' i Wilford Woodruff ho Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ho

hany lehilahy eto an-tany, izay mihazona ireo fanalahidin' ny ôrdônansin' ny famehezana amin' izao fotoana izao, izaho dia manolotra ny hiheverantsika azy ho nomena lalana feno, noho ny toerany, mba hamoaka ny Manifestô izay efa novakina ho rentsika ary mitondra ny datin' ny 24 Septambra 1890, ny hanekentsika, amin' ny maha-Fiangonana tafavory antsika amin' ny Fihaonambe, fa manan-kery sy maningotra ny fanambarany momba ny fampakarana vady maro."

Lany eran' ny daholobe ny fanekena io fehin-kevitra eo ambony io.

Salt Lake City, Utah, 6 Ôktôbra 1890.

AMPAHANY TAMIN' IREO LAHATENY TELO
NATAON' NY FILOHA WILFORD WOODRUFF
MIKASIKA NY MANIFESTO.

Ny Tompo dia tsy hamela na oviana na oviana ahy na ny lehilahy iray hafa izay mitana ny toeran' ny Filohan' ity Fiangonana ity hitarika anareo haniaasia. Tsy ao anatin' ny fandaharam-potoana izany. Tsy ao an-tsain' Andriamanitra izany. Raha manandrana manao izany aho dia hoesorin' ny Tompo hiala amin' ny toerako ary ho toy izany koa ny olona hafa izay manandrana ny hitarika ny zanak' olombelona hiala amin' ny tenin' Andriamanitra sy amin' ny adidiny. (Fihaonambe Isan' enimbolan' ny Fiangonana, Fahiraika amby enimpolo, Alatsinainy 6 Ôktôbra 1890, Salt Lake City, Utah. Navoaka tao amin' ny *Deseret Evening News* (Vaovao Takarivan' i Desereta) ny 11 Ôktôbra 1890, t. 2).

Tsy mampaninona izay velona na izay maty na izay voantso hitarika ity Fiangonana ity, fa tsy maintsy tarihiny amin' ny alalan' ny fitaoman' Andriamanitra Tsitoha izany. Raha tsy manao izany araka izany fomba izany izy ireo dia tsy afaka manao izany mihitsy. . . .

Nahazo fanambarana misimisy aho farany teo, ary tena zava-dehibe ho ahy ireny, ary hoteneniko anareo izay efa nolazain' ny Tompo tamiko. Mamelà ahy hisarika ny sainareo ho amin' izay lazaina hoe ny manifesto. . . .

Efa niteny tamiko ny Tompo mba hanao fanontaniana amin' ny Olomasin' ny Andro Farany ary efa niteny tamiko koa Izy fa raha te hihaino izay nolazaiko taminy izy ireo ary hamaly ny fanontaniana natao taminy, amin' ny alalan' ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra, dia hitovy avokoa izay havaliny ary hitovy avokoa izay hinoany raha ny momba ity raharaha ity.

Ny fanontaniana dia izao: Inona no sori-dalana hendry indrindra mba harahin' ny Olomasin' ny Andro Farany — ny manohy sady manandrana ny mandraikitra fampakarana vady maro ve ka hanohitra ny lalàn' ny firenena, na dia eo aza ny fanoheran' ny vahoaka enimpolo tapitrisa ary na dia hiafara amin' ny famaboana sy ny fahaverezan' ny Tempoly rehetra aza izany, mbamin' ny fampitsaharana ny ôrdônansy rehetra ao anatin' ny ho an' ny velona na ho an' ny maty, ary ny fampidirana am-ponja ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy ary ireo loham-pianakaviana ao amin' ny Fiangonana, ary ny famaboana ny fananan' ny vahoaka manokana (izany rehetra izany dia hampitsahatra ho azy ilay fomba); sa

ny mampitsahatra ilay fomba taorian' ny fanaovana sy ny fiaretana izay efa niaretantsika noho ny fanarahantsika ity fitsipika ity, ary hanao ny lalàna, ka amin' izany dia hamela ny Mpaminany, ny Apostoly ary ireo ray, ao an-trano, hany ka afaka mampianatra ny vahoaka izy ireo ary misahana ireo andraikitra ny Fiangonana, ary mamela koa ireo Tempoly ho eo an-tanan' ireo Olomasina, hany ka afaka misahana ireo ôrdônansin' ny Filazantsara izy ireo, na ho an' ny velona na ho an' ny maty?

Nasehon' ny Tompo ahy, tamin' ny fahitana sy ny fanambarana, izay ho nitranga marina tokoa raha tsy natsahatsika ity fomba ity. Raha tsy najanontsika izany, dia tsy ho nilainareo ireo lehilahy ao amin' ity tempoly ao Logan ity; fa ho najanona avokoa ireo ôrdônansy manerana ny tanin' i Ziona. Ho nanjaka nanerana an' i Isiraely ny fifanjevoana ary lehilahy maro no ho natao sambobelona. Ho tonga tamin' ny Fiangonana manontolo ity korontana ity, ka dia ho voatery nampijanona ilay fomba isika. Ankehitriny ny fanontaniana dia: na tokony hijanona amin' ny alalan' io toe-javatra io izany, na araka ny toe-javatra nasehoan' ny Tompo antsika, izay hamela ny Mpaminanintsika sy ny Apostolintsika ary ny raintsika ho olona afaka, ary ny tempoly ho eo an-tanan' ny olona hany ka ho azo avotana ny maty. Marobe ireo efa navotan' ity vahoaka ity sahadry tamin' ny tranomazina, tao amin' ny tontolon' ny fanahy, ary tokony hitohy ve sa hijanona ny asa? Izany no fanontaniana ataoko eo anoloan' ireo Olomasin' ny Andro Farany. Tsy maintsy mandanjalanja ho anareo ianareo. Tiako ny hamalianareo ny tenanareo. Tsy hamaly izany aho; saingy lazaiko aminareo fa izany marina tokoa no ho toe-javatra nisy antsika vahoaka raha tsy nanaraka ny sori-dalana izay efa narahintsika isika.

. . . Hitako marina tokoa izay ho nitranga raha tsy nisy zavatra natao. Efa nanindry ahy nandritra ny fotoana ela ity fanahy ity. Fa ny tiako holazaina dia izao: ho navelako nesorina teo an-tanantsika avokoa ireo tempoly; ho naiditra am-ponja ny tenako ary ho navelako naiditra tany ny olona hafa rehetra, raha tsy nodidian' ilay Andriamanitra ny lanitra aho hanao izay nataoko; ary nony tonga ny ora nandidiana ahy hanao izany dia nazava tamiko izany. Niseho teo anoloan' ny Tompo aho ary nanoratra izay notenenin' ny Tompo ahy hosoratana. . . .

Avelako aminareo izany mba hodinihinareo sy hofakafakanareo. Miara-miasa amintsika ny Tompo. (Fihaonamben' ny Tsatòkan' i Cache, Logan, Utah, Alahady 1 Nôvambra 1891, Navoaka tao amin' ny *Deseret Weekly* [ny Desereta, gazety mivoaka isan-kerinandro], ny 14 Nôvambra 1891).

Ankehitriny dia holazaiko anareo izay nambara ahy sy izay nataon' ny Zanak' Andriamanitra tamin' ity zavatra ity. . . . Ho nitranga ireo zavatra ireo, raha velona koa ny Tompo Tsitoha, raha tsy teo ny manifesto izay navoaka. Koa vonona ny Zanak' Andriamanitra ny hanolotra ity zavatra ity amin' ny Fiangonana sy amin' izao tontolo izao, noho ny tanjona izay Azy samirery. Efa notapahin' ny Tompo ny fananganana an' i Ziona. Efa notapahiny ny famitana ity tempoly ity. Efa notapahiny fa ny famonjena ny velona sy ny maty dia tokony homena eo amin' ireto lohasahan' ny tendrombohitra ireto. Ary Andriamanitra Tsitoha dia nanapaka fa tsy hahasakana izany ny devoly. Raha mahatakatra izany ianareo, dia izany no votoatin' ilay raharaha. (Nalaina tamin' ny lahateny natao nandritra ny fivoriana fahenina ho fanokanana ny Tempolin' i Salt Lake ny volana Aprily 1893. Fandraisana amin' ny sora-milina ny Fivoriana Fanokanana ny Tahirin' ny Sampan-draharahan' ny Fiangonana momba ny Tantara, Salt Lake City, Utah).

FILAZANA OFISIALY — 2

Ho an' Izay Mety ho Voakasik' izao:

Ny 30 Septambra 1978, nandritra ny Fihaonambe faha-148n' ny Isanenimbolan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no nanoloran' ny Filoha N. Eldon Tanner, Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonana izao manaraka izao:

Tany amin' ny fiandohan' ny volana Jona tamin' ity taona ity no nilazan' ny Fiadidiana Voalohany fa nandraisan' ny Filoha Spencer W. Kimball fanambarana izay manitatra ny fisoronana sy ireo fitahian' ny tempoly amin' ireo lehilahy mendrika rehetra mpi-kambana amin' ny Fiangonana. Ny Filoha Kimball dia nangataka ahy hampahafantatra ny fihaonambe fa taorian' ny nandraisany ity fanambarana ity, izay tonga taminy taorian' ny fisaintsainana naharitra sy ny vavaka tao amin' ireo efitra masin' ny tempoly masina, dia natolony ireo mpanolotsainy izany, izay nanaiky sy nandany izany. Dia natolotra ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo izany ka nolanin' ny daholobe, rehefa izany dia natolotra ny Manampahefana Ambony hafa rehetra izany, ka toy izany koa no nandanian' ny daholobe izany.

Nangatahin' ny Filoha Kimball aho hamaky ity taratasy ity ankehitriny:

8 Jona 1978

Ho an' ireo mpitarika ambony sy eo an-toerana ny fisoronana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany manerana izao tontolo izao:

Ry Rahalahy Malala:

Koa satria efa natrehinay maso ny fitaran' ny asan' ny Tompo manerana ny tany, dia feno fankasitrahana izahay fa vahoaka avy amin' ny firenena maro no efa namaly ny hafatry ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny ka efa nampitombo mandrakariva ny isan' ireo izay niditra ho mpikambana amin' ny Fiangonana. Iza-ny indray rehefa avy eo no nanentana ny fanirianay mba hanolotra amin' ny mpikambana mendrika rehetra amin' ny Fiangonana ireo tombontsoa sy fitahiana izay omen' ny filazantsara.

Noho ny fahalalana ireo fampanantenana nataon' ireo mpaminany sy filohan' ny Fiangonana izay efa nialoha anay, fa amin' ny fotoana iray, amin' ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra, ireo rahalahinay rehetra izay mendrika dia hahazo handray ny fisoronana, ary noho ny fahitana ny fahatokian' ireo izay tsy nomena ny fisoronana, no efa nitalahoanay ela sy tamin-kafanam-po tokoa ho

an' ireo rahalahinay mahatoky ireo, ka nandanianay ora maro tao an' Efitra Ambony Rihan' ny Tempoly, niangavy ny Tompo hano-me ny fitarihany.

Efa nihaino ny fivavakay Izy, ary tamin' ny fanambarana no efa nanamafisany fa efa tonga ilay andro nampanantenaina ela izay ahazoan' ny lehilahy mahatoky rehetra ao amin' ny Fiangonana mandray ny fisoronana masina sy ny hery hampiasa ny fahefan' Andriamanitra ka hankafy miaraka amin' ny havan-tiany ny fitahiana rehetra azo amin' izany, anisan' izany ireo fitahian' ny tempoly. Araka izany, ny lehilahy mendrika rehetra, mpikambana ao amin' ny Fiangonana, dia azo atokana ho amin' ny fisoronana, tsy misy fijerena firazanana na volon-koditra. Iangaviana ireo mpitondra ny fisoronana hanaraka ny toromarika hiara-midinidika tsara amin' ireo mpiomana ho amin' ny fisoronan' i Aharôna na i Melkizedeka rehetra mba hahazo toky fa izy ireo dia mahafe-no ny fepetra takina amin' ny fahamendrehana.

Ambaranay amin' ny fomba hentitra fa ny Tompo dia efa nam-pahafantatra ny sitrapony ankehitriny ho fitahiana ny zanany rehetra manerana ny tany, izay te hihaino ny feon' ireo mpanom-pony nomen-dalana ary manomana ny tenany mba handray ny fitahiana rehetra avy amin' ny filazantsara.

Ireo mpanomponareo mahatoky,

SPENCER W. KIMBALL

N. ELDON TANNER

MARION G. ROMNEY

Ny Fiadidiana Voalohany.

Noho ny fanekentsika an' i Spencer W. Kimball ho mpaminany, mpahita, ary mpanambara sy filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ary amin' ny maha-fivo-riambe mahefa antsika dia atolotra mba hoekentsika ho toy ny teny sy ny sitrapon' ny Tompo io fanambarana io. Izay rehetra mankasitraka dia aoka haneho izany amin' ny fananganany ny tanany havanana. Izay manohitra dia hanao toy izany koa.

Neken' ny daholobe ny fanohanana io fehin-kevitra io.

Salt Lake City, Utah, 30 Septambra, 1978.

NY
VOAHANGY
LAFO VIDY

NOFANTENANA AVY TAMIN' IREO FANAMBARANA,

DIKANTENY ARY

FITANTARAN' I JOSEPH SMITH

MPAMINANY VOALOHANY, MPAHITA ARY
MPANAMBARA

HO AN' NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

TENY FANOLORANA

Ny Voahangy Lafo Vidy dia fantina avy amin' ireo lahatsoratra notsongaina mikasika ireo lafiny manan-danja maro momba ny finoana sy ny fotopampianaran' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Joseph Smith Mpaminany no nahazoana ireo lahatsoratra ireo izay novokarina tao amin' ireo gazetimpiangonana nisy tamin' ny androny.

Ny fampitambarana voalohany ireo lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe Voahangy Lafo Vidy dia nataon' i Franklin D. Richards loholona tamin' ny taona 1851; izy dia mpikambana tao amin' ny Filankevitry ny Roambinifololahy sy filohan' ny Misiona Britanika. Ny tanjon' izany dia ny hahatonga ireo lahatsoratra manan-danja sasany, izay voafetra ihany ny fielezany tamin' ny andron' i Joseph Smith, ho azo ampiasaina avy hatrany. Koa satria nitombo isa ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana nanerana an' i Eoropa sy i Amerika dia nilaina ny hananana ireny lahatsoratra ireny eo am-pelatanana. Niely fatratra tokoa ny Voahangy Lafo Vidy ary nanjary soratra masina nankatoavin' ny Fiangonana izany noho ny fanapahan-kevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Fihaonambe tao Salt Lake City ny 10 Ôktôbra 1880.

Nanaovana fanitsiana maro araka ny zava-notadiavina sy notakin' ny Fiangonana ny votoatiny. Tamin' ny taona 1878 no naiditra ireo ampahany amin' ny bokin' i Mosesy, izay tsy tafiditra tamin' ny fanontana voalohany. Nesorina tamin' ny taona 1902 tao amin' ny Voahangy Lafo vidy ireo ampahan-dahatsoratra sasany, izay namerina lahatsoratra efa navoaka tao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana. Ny fandaminana ho toko sy andininy miaraka amin' ny naoty fivoasana eo amin' ny fanambanin' ny takila dia vita tamin' ny taona 1902. Ny famoahana voalohany izay nisy ny fizarana ny takila ho roa, niaraka tamin' ny fanoroan-teny dia tamin' ny taona 1921. Tsy nisy fanovana hafa natao raha tsy tamin' ny volana Aprily 1976 izay nampidirana lahatsoratra roa azo tamin' ny fanambarana. Tamin' ny taona 1979 dia nesorina tao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ireo lahatsoratra roa ireo ary naiditra tao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana, izay fantatra ankehitriny amin' ny hoe fizarana 137 sy 138. Nanaovana fanovana vitsivitsy ny fanontana ankehitriny mba hahatonga ny lahatsoratra hifanaraka amin' ireo tahirin-kevitra tany aloha.

Toy izao manaraka izao ny teny fanolorana fohy momba izay voarakitra an-tsoratra ankehitriny:

Fantina avy amin' ny Bokin' i Mosesy. Sombiny amin' ny bokin' i Genesisy, avy amin' ny Baiboly dikantenin' i Joseph Smith izay natombony tamin' ny volana Jona 1830 (*History of the Church*, 1:98–101, 131–139).

Ny Bokin' i Abrahama. Dikanten' avy amin' ireo papiriosy Egyptiana sasany izay tonga teo an-tanan' i Joseph Smith tamin' ny taona 1835, izay mirakitra ny asa soratr' i Abrahama patriarika. Izany dikanten' izany dia navoaka nisesisesy tao amin' ny *Times and Seasons* [Fotoana sy Vanim-potoana], tao Nauvoo, Illinois, nanomboka ny 1 Martsa 1842 (*History of the Church*, 4:519–534).

Joseph Smith—Matio. Ampahany amin' ny tenivavolombelon' i Matio araka ny Baiboly dikantenin' i Joseph Smith (jereo ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:60–61 ny fandidian' Andriamanitra ny hanombohana ny fandikana ny Testamenta Vaovao).

Joseph Smith—Tantara. Sombiny amin' ny tenivavolombelona sy ny tantara ofisialin' i Joseph Smith, izay nomaniny tamin' ny taona 1838 ka navoaka nisesisesy tao amin' ny *Times and Seasons*, tao Nauvoo, Illinois, nanomboka ny 15 Martsa 1842 (*History of the Church*, 1:1–44).

Ny fikem-pinoan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Filazana nataon' i Joseph Smith, izay navoaka tao amin' ny *Times and Seasons* ny 1 Martsa 1842, niaraka tamin' ny tantara fohy momba ny Fiangonana izay fantatry ny rehetra amin' ny hoe ny Taratastin' i Wentworth (*History of the Church*, 4:535–541).

IREO ANARANA SY FILAHATR'
IREO BOKY AO AMIN' NY

VOAHANGY LAFO VIDY

	<i>Takila</i>
Fantina avy amin' ny Bokin' i Mosesy	1
Ny Bokin' i Abrahama	39
Tahadika No. 1	38
Tahadika No. 2	48
Tahadika No. 3	55
Joseph Smith—Matio	58
Joseph Smith—Tantara	63
Ny Fanehem-pinoana	83

FANTINA AVY AMIN' NY BOKIN' I MOSESY

Sombiny avy amin' ny fandikana ny Baiboly, araka izay nambara tamin' i Joseph Smith Mpaminany, Jona 1830—Febroary 1831.

TOKO 1

(Jona 1830)

Manambara ny tenany amin' i Mosesy Andriamanitra—Miova tarehy i Mosesy—Mifanandrana amin' i Satana izy—Hitan' i Mosesy ireo tontolo maro misy mponina—Tsy hita isa ireo tontolo noharian' ny Zanaka—Ny asan' Andriamanitra sy ny voninahiny dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona.

NY tenin' Andriamanitra izay "noteneniny tamin' i ^bMosesy tamin' ny fotoana izay nampakarana an' i Mosesy ho eo an-tendrombohitra avo izaisizy tokoa,

2 Ary "nahita an' Andriamanitra ^bnifanatrika izy ary niresaka Taminy, ary ny ^dvoninahitr' Andriamanitra dia mby teo amin' i Mosesy; koa 'nahatanty ny fanatrehana Azy i Mosesy.

3 Ary niteny tamin' i Mosesy

Andriamanitra, nanao hoe: Indro, Izaho no Tompo Andriamanitra "Tsitoha ary ^bTsisy Fiafarana no anarako; fa Izaho dia tsisy fiandohan' andro na fiafaran-taona; ary moa va izany tsy tsisy fiafarana?

4 Ary indro, zanakalahiko ianao; koa "jereo dia hasehoko anao ny asan' ny ^btanako; nefa tsy izy rehetra fa ^dtsisy fiafarana ny ^aasako, ary koa ny ^fteniko, fa tsy hitsahatra na oviana na oviana ireo.

5 Koa tsy misy olona mety hahita ny asako rehetra, raha tsy mahita ny voninahitro rehetra izy; ary tsy misy olona mety hahita ny voninahitro rehetra ary rehefa izany dia hitoetra ao amin' ny nofo eto an-tany.

6 Ary manana asa ho anao Aho ry Mosesy zanakalahiko; ary ianao dia natao "araka ny endriky ny Zanaka ^bLahitokako; ary ny Zanaka Lahitokako no ^dMpamonjy sy ho Mpamonjy fa feno "fahasoavana sy ^ffahama-

1 1a Almà 12:30;
Mos. 1:42.

b TSM Mosesy.

2a Eks. 3:6; 33:11;

Jao. 1:18; 6:46;

Etera 3:6–16;

Mos. 1:11.

djs, Eks. 33:20, 23.

b Nom. 12:6–8;

Deot. 34:10; F&F 17:1.

d Deot. 5:24;

Mos. 1:13–14, 25.

TSM Voninahitra.

e TSM Fiovan-tarehy.

3a Fan. 11:17; 19:6;

1 Ne. 1:14;

F&F 121:4.

TSM Andriamanitra.

b Isa. 63:16;

F&F 19:9–12;

Mos. 7:35.

TSM Tsy Manam-

piafarana.

4a Mos. 7:4.

b Mos. 7:32, 35–37.

d Sal. 111:7–8;

Mos. 1:38.

e Sal. 40:5; F&F 76:114.

f 2 Ne. 9:16;

F&F 1:37–39.

TSM Tenin'

Andriamanitra.

6a Gen. 1:26;

Etera 3:14–15;

Mos. 1:13–16.

b TSM Lahitokana.

d TSM Mpamonjy.

e Jao. 1:14, 17;

Almà 13:9.

TSM Fahasoavana.

f Mos. 5:7.

rinana Izy; fa ^stsy misy Andriamanitra ankoatra Ahy, ary ny zava-drehetra dia miharihary eo anoloako, fa ^hfantatro izy rehetra.

7 Ary ankehitriny indro, izao zavatra iray izao no asehoko anao ry Mosesy zanakalahiko, fa eo amin' izao tontolo izao ianao, ary ankehitriny dia asehoko anao izany.

8 Ary ny zava-nitranga dia nijery i Mosesy ary nahatazana izy ny "tontolo izay nohariana teo aminy; ary i Mosesy dia ^bnahatazana ny tontolo sy ny faran' izany ary ny zanak' olombelona rehetra izay voary sy izay nohariana; ny amin' izany no ^dnahatalanjona sy nahagaga azy fatratra tokoa.

9 Ary nisintona niala an' i Mosesy Andriamanitra ka tsy amin' i Mosesy ny voninahiny ary tavela ho irery i Mosesy. Ary satria tavela ho irery izy dia lavo tamin' ny tany.

10 Ary ny zava-nitranga dia ora maro no lasa vao nahazo indray ny "tanjany tsotra toy ny an' ny olona i Mosesy; ary hoy izy tamin' ny tenany: Ankehitriny, noho izany antony izany, dia fantatro fa ^btsinontsinona ny olona, izay zavatra tsy noheveriko na oviana na oviana.

11 Fa ankehitriny dia efa nahatazana an' "Andriamanitra ny masoko; saingy tsy ny masoko ^bara-nofo fa ny masoko ara-panahy, fa tsy ho afaka nitazana ny masoko ara-nofo; fa ho ^dmaina sy ho ^efaty eo anatrehany aho; saingy mby teo amiko ny voninahiny; ary nahatazana ny ^ftavany aho, fa ^snovàna teo anoloany ny tarehiko.

12 Ary ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Mosesy, dia indro, tonga i "Satana ^bnaka fanahy azy, nanao hoe: Ry Mosesy, zanak' olona, miderà ahy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nijery an' i Satana i Mosesy ary nanao hoe: Iza moa ianao? Fa indro izaho dia "zanak' Andriamanitra, manahaka ny endriky ny Zanaka Lahitokany; ary aiza izay voninahitrao no tokony hidera anao aho?

14 Fa indro tsy ho afaka nijery an' Andriamanitra aho raha tsy tonga tamiko ny voninahiny ary raha tsy "novàna tarehy teo anoloany aho. Saingy izaho dia afaka mijery anao amin' ny maha olona araka ny nofo ahy. Tsy izany marina tokoa va?

15 Hotahina anie ny anaran' Andriamanitra fa tsy niala tamiko tanteraka ny Fanahiny, fa

6g 1 Mpan. 8:60;
Isa. 45:5-18, 21-22.
h 1 Ne. 9:6; 2 Ne. 9:20;
Almà 18:32;
F&F 38:1-2.
tsm Heni-pahalalana.
8a Mos. 2:1.
b Mos. 1:27.
d Sal. 8:3-4.
10a Dan. 10:8, 17;

1 Ne. 17:47;
Almà 27:17;
JS—T 1:20.
b Dan. 4:35; Hel. 12:7.
11a tsm Andriamanitra.
b Mos. 6:36;
F&F 67:10-13.
d Eks. 19:21.
e Eks. 20:19.
f Gen. 32:30; Mos. 7:4.

g Mat. 17:1-8.
tsm Fiovan-tarehy.
12a Mos. 4:1-4.
tsm Devoly.
b Mos. 6:49.
tsm Fakam-panahy.
13a Sal. 82:6; 1 Jn. 3:2;
Heb. 12:9.
14a tsm Fiovan-tarehy.

raha tsy izany aiza ny voninahitrao, fa izany dia haizina ho ahy? Ary izaho dia afaka manavaka anao sy Andriamanitra; fa hoy Andriamanitra tamiko: “Derao Andriamanitra fa Izy irery ihany no ^bhotompoinao.

16 Mialà eto ry Satana; aza mamitaka ahy; fa hoy Andriamanitra tamiko: Ianao dia araka ny “endriky ny Lahitokako.

17 Ary nomeny ahy koa ny didy fony Izy niantso ahy avy teo amin’ ny “roimemy nirehitra afo, nanao hoe: ^bMiantsoa an’ Andriamanitra amin’ ny anaran’ ny Lahitokako ary miderà Ahy.

18 Ary hoy indray i Mosesy: Tsy hitsahatra ny hiantso an’ Andriamanitra aho, manana zavatra hafa hangatahina Aminy aho: fa mby teo amiko ny voninahiny, koa afaka manavaka ny Aminy sy aminao aho. Mialà eto ry Satana.

19 Ary ankehitriny, nony efa nilaza ireo teny ireo i Mosesy, dia nihiaka tamin’ ny feo mafy i Satana ka nitroatroatra teo amin’ ny tany sy nandidy, nanao hoe: Izaho ihany no “Lahitokana, miderà ahy.

20 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka natahotra izaitsizy tokoa i Mosesy; ary raha nanomboka natahotra izy dia nahita ny fangidian’ ny “helo. Na dia izany aza, rehefa ^bniantso an’ Andriamanitra izy dia nahazo tanjaka ka nandidy, nanao hoe:

Mialà amiko ry Satana, fa izao Andriamanitra iray izao ihany no hoderaiako, izay Andriamanitry ny voninahitra.

21 Ary ankehitriny dia nanomboka nangovitra i “Satana ary nihovitrovitra ny tany; ary nahazo tanjaka i Mosesy ka niantso an’ Andriamanitra, nanao hoe: Amin’ ny anaran’ ny Lahitokana, mialà eto ry Satana.

22 Ary ny zava-nitranga dia nihiaka tamin’ ny feo mahery i Satana, niaraka tamin’ ny fitomaniana sy ny fidradradradra na ary ny “fikitraha-nify; ary niala teo izy, dia avy teo anatrehan’ i Mosesy, ka tsy hitany izy.

23 Ary ankehitriny ny amin’ izany zavatra izany dia vavolombelona nanambara i Mosesy; nefa noho ny faharatsiana dia tsy nahalala izany ny zanak’ olombelona.

24 Ary ny zava-nitranga, rehefa niala avy teo anatrehan’ i Mosesy i Satana, dia nanandra-tra ny masony ho amin’ ny lanitra i Mosesy, sady feno ny “Fanahy Masina izay vavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka;

25 Ary rehefa niantso ny anaran’ Andriamanitra izy dia nahatazana ny voninahiny indray fa mby teo aminy izany; ary nandre feo izy, nanao hoe: Hotahina ianao ry Mosesy, fa Izaho, ny Tsitoha dia efa nifidy anao, ary ianao dia hatao mahe-

15a Mat. 4:10.
TSM Fitsaohana.
b 1 Sam. 7:3;
3 Ne. 13:24.
16a Mos. 1:6.

17a Eks. 3:2.
b Mos. 5:8.
19a Mat. 24:4–5.
20a TSM Helo.
b JS—T 1:15–16.

TSM Vavaka.
21a TSM Devoly.
22a Mat. 13:41–42;
Môsiah 16:1–3.
24a TSM Fanahy Masina.

ry noho ny ^arano maro; fa ireo dia hankatò ny ^bdidinao, mova tsy ^aAndriamanitra ianao.

26 Ary indro, Izaho momba anao, dia hatrany amin' ny fiakaran' ny andronao; fa ianao dia ^ahanafaka ny vahoakako amin' ny ^bfanandevozana, dia i ^dIsiraely ^evoafidiko.

27 Ary ny zava-nitranga, raha mbola niteny ilay feo, dia nanopy ny masony i Mosesy ka ^anahatazana ny tany, eny, ny tany manontolo; ary tsy nisy sombiny taminy izay tsy tazany, fa navahany tamin' ny Fanahin' Andriamanitra izany.

28 Ary tazany koa ny mponina teo aminy, ary tsy nisy olona iray ka tsy tazany; ary navahany tamin' ny Fanahin' Andriamanitra ireny; ary lehibe ny isany, tsy hita isa toy ny fasika eny amoron-dranomasina aza.

29 Ary tazany ireo tontolo maro; ary ny tontolo tsirairay dia natao hoe ^atany, ary nisy mponina teo amboniny.

30 Ary ny zava-nitranga dia niantso an' Andriamanitra i Mosesy, nanao hoe: Lazao ahy, iangaviako ianao, nahoana no toy izao ireo zavatra ireo ary tamin' ny inona no nanaovanao azy?

31 Ary indro, mby teo amin' i Mosesy ny voninahitry ny Tompo hany ka nijoro teo anatrehan' Andriamanitra izy ary niresaka ^anifanatrika Taminy. Ary hoy ny Tompo Andriamanitra tamin' i Mosesy: Ho an' ny ^btanjoko no efa nanaovako ireo zavatra ireo. Izao no fahendrena ary mitoetra ato Amiko izany.

32 Ary tamin' ny ^atenin' ny heriko no efa nahariako azy ireo, izay ny Zanaka Lahitokako, izay feno ^bfahasoavana sy ^dfahamarinana.

33 Ary ^atontolo tsy hita isa no efa ^bnohariako; ary nohariako koa ho an' ny tanjoko ireny; ary tamin' ny alalan' ny Zanaka no nahariako ireny, izay ny ^dLahitokako.

34 Ary ny ^aolona voalohany tamin' ny olona rehetra dia efa nantsoiko hoe ^bAdama, izany hoe ^dmaro.

35 Saingy ny tantaran' ity tany ity ihany sy ny mponiny no omeko anao. Fa indro, misy tontolo maro izay efa lasana tamin' ny tenin' ny heriko. Ary misy maro izay mijoro ankehitriny ary tsy tambo isaina ireny ho an' ny olona; fa ny zavadrehetra dia voaisa ho Ahy, fa Ahy ireny ary ^afantatro ireny.

25a Eks. 14:21–22.

^b TSM Hery;
Fisoronana.

^d Eks. 4:16.

26a Eks. 3:7–12.

^b 1 Ne. 17:23–25.

^d 1 Mpan. 8:51–53.
TSM Isiraely.

^e TSM Voafidy
(matoanteny na
anarana).

27a F&F 88:47; Mos. 1:8.

TSM Fahitana.

29a TSM Tany.

31a Deot. 5:4; Mos. 1:11.

^b Isa. 45:17–18;
2 Ne. 2:14–15.

32a Jao. 1:1–4, 14;

Heb. 1:1–3;

Fan. 19:13;

Jakôba 4:9; Mos. 2:1, 5.

TSM Jesoa Kristy.

^b Sal. 19:1; Mos. 5:7–8.

TSM Fahasoavana.

^d TSM Fahamarinana.

33a Sal. 8:3–4; F&F 76:24;

Mos. 7:29–30.

^b TSM Fahariana.

^d Mos. 1:6.

34a Mos. 3:7.

^b Abr. 1:3.

TSM Adama.

^d Mos. 4:26; 6:9.

35a Mos. 1:6; 7:36.

TSM Heni-pahalalana.

36 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ny Tompo i Mosesy, nanao hoe: Mamindrà fo amin' ny mpanomponao Andriamanitra ô, ary lazao ahy ny momba ity tany ity sy ny mponiny, ary koa ireo lanitra, ary rehefa izany dia ho afa-po ny mpanomponao.

37 Ary niteny tamin' i Mosesy ny Tompo Andriamanitra, nanao hoe: Ireo "lanitra dia misy maro, ary tsy mety ho voaisa ireo ho an' ny olona; fa voaisa ireo ho Ahy, fa Ahy ireo.

38 Ary toy ny hahalasan' ny tany iray sy ny lanitra eo aminy dia toy izany koa no hiavian' ny iray hafa; ary tsy "manampahataperana ny asako, na koa ny teniko.

39 Fa indro izao no "asako sy ^bvoninahitro—ny manatanteraka ny "tsy fahafatesana sy ny "fiainana mandrakizain' ny olona.

40 Ary ankehitriny, ry Mosesy zanakalahiko, dia horesahiko anao ny momba ity tany izay ijoroanao ity; ary "hosoratanao ireo zavatra izay horesahiko.

41 Ary amin' ny andro izay hiheveran' ny zanak' olombelona ny teniko ho tsinontsinona ary "hanesorany ny maro aminy hiala amin' ny boky izay hosoratanao dia indro, hanangana

olona iray hafa ^btoa anao Aho; ary "ireo teniko dia ho eo anivon' ny zanak' olombelona indray—any anivon' izay rehetra mino.

42 (Ireo teny ireo no "notenenina tamin' i Mosesy teo amin' ilay tendrombohitra izay tsy hampahafantarina eo anivon' ny zanak' olombelona ny anarany. Ary ankehitriny dia tenenina aminareo ireo. Aza aseho na iza na iza ireo afa-tsy ireo izay mino. Izany tokoa. Amena.)

TOKO 2

(Jona-Ôktôbra 1830)

Nahary ireo lanitra sy ny tany Andriamanitra—Voary ireo endriky ny mananaina rehetra—Nanao ny olona Andriamanitra ary nomeny azy ny fanapahana amin' ny zavatra hafa rehetra.

ARY ny zava-nitranga dia niteny tamin' i Mosesy ny Tompo, nanao hoe: Indro, "ambarako anao ny momba ity ^blanitra ity sy ity ^dtany ity; soraty ny teny izay hoteneniko. Izaho no Fian-dohana sy Fiafarana, Andriamanitra "Tsitoha; tamin' ny alalan' ny ^fLahitokako no ^snohariako ireo zavatra ireo; eny, tany ampiandohana no nohariako ny

37a Abr. 4:1.

tsm Lanitra.

38a Mos. 1:4.

39a Roma. 8:16–17;

2 Ne. 2:14–15.

tsm Drafitry ny

Fanavotana.

b tsm Voninahitra.

d tsm Tsy Fahafatesana.

e tsm Fiainana

Mandrakizay.

40a 2 Ne. 29:11–12.

41a 1 Ne. 13:23–32;

Mos. 1:23.

b 2 Ne. 3:7–19.

d 1 Ne. 13:32, 39–40;

F&F 9:2.

42a Mos. 1:1.

2 1a Mos. 1:30, 36.

b tsm Lanitra.

d Mos. 1:8.

e tsm Andriamanitra—

Andriamanitra Ray.

f tsm Lahitokana.

g tsm Fahariana.

lanitra sy ny tany izay ijoroa-nao eo amboniny.

2 Ary ny “tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary nahatonga haizina teo ambonin’ ny lalina Aho; ary nandeha tambonin’ ny rano ny Fanahiko; fa Izaho no Andriamanitra.

3 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka hisy “mazava; dia nisy mazava.

4 Ary Izaho Andriamanitra dia nahita ny mazava; ary “tsara ny mazava. Ary izaho Andriamanitra dia nampisaraka ny mazava tamin’ ny maizina.

5 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao ny mazava hoe Andro; ary ny haizina dia nataoko hoe Alina; ary izany dia nataoko tamin’ ny “tenin’ ny heriko, ary izany dia to araka izay ^bnoteneniko; ary ny hariva sy ny maraina no ^dandro voalohany.

6 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny indray hoe: Aoka hisy “habakabaka eo afovoan’ ny rano, dia nisy izany, araka izay noteneniko; ary hoy Aho: Aoka izany hampisaraka ny rano amin’ ny rano; dia to izany;

7 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao ny habakabaka sy nampisaraka ny “rano, eny, ny rano lehibe ambanin’ ny habakabaka amin’ ny rano izay ambonin’ ny habakabaka, ary izany dia to araka izay noteneniko.

8 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao ny habakabaka hoe

“Lanitra; ary ny hariva sy ny maraina no andro faharoa.

9 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka ny rano ambanin’ ny lanitra hiara-hangonina amin’ ny “toerana iray, dia to izany; ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka hisy tany maina; dia nisy izany.

10 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao ny tany maina hoe “Tany; ary ny fiangonan’ ny rano dia nataoko hoe Ranomasina; ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa tsara ny zavatra rehetra izay efa nataoko.

11 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka ny tany haniry “ahitra, anana mamoa, hazo fihinam-boa izay mamoa, samy araka ny karazany avy, ary ny hazo izay mamoa, izay manana voa ao aminy, etỳ ambonin’ ny tany, dia to araka izay noteneniko izany.

12 Ary ny tany dia naniry ahitra sy anana mamoa, samy araka ny karazany avy, ary hazo mamoa izay manam-boa ao aminy, samy araka ny karazany avy; ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa tsara ny zavatra rehetra izay efa nataoko;

13 Ary ny hariva sy ny maraina no andro fahatelo.

14 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka hisy fanazavana eny amin’ ny habakabaky ny lanitra hampisaraka ny andro amin’ ny alina, ary aoka

2a Gen. 1:2; Abr. 4:2.
3a F&F 88:6-13.
TSM Fahazavana,
Fahazavan’ i Kristy.
4a Gen. 1:4; Abr. 4:4.

5a Mos. 1:32.
b 2 Kor. 4:6.
d Gen. 1:5.
6a Gen. 1:6-8.
7a Abr. 4:9-10.

8a TSM Lanitra.
9a Gen. 1:9; Abr. 4:9.
10a TSM Tany.
11a Gen. 1:11-12;
Abr. 4:11-12.

izany ho famantarana sy ho fotoana ary ho andro sy taona;

15 Ary aoka hisy fanazavana eny amin' ny habakabaky ny lanitra mba hanazava ny eny ambonin' ny tany; dia nisy izany.

16 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao fanazavana roa lehibe; ny "fanazavana lehibe hanapaka ny andro ary ny fanazavana kely hanapaka ny alina, ary ny fanazavana lehibe dia ny masoandro, ary ny fanazavana kely dia ny volana; ary ny kintana koa dia natao araka ny teniko.

17 Ary Izaho Andriamanitra no nametraka ireny teny amin' ny habakabaky ny lanitra hanazava ny eny ambonin' ny tany,

18 Ary ny masoandro hanapaka amin' ny andro, ary ny volana hanapaka amin' ny alina ka hampisarakana ny hazavana amin' ny haizina; ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa tsara ny zavatra rehetra izay efa nataoko;

19 Ary ny hariva sy ny maraina no andro fahefatra.

20 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka ny rano ho be zava-mihetsika izay manana aina sy vorona izay afaka manidina eny amin' ny halalakany ny habakabaky ny lanitra.

21 Ary Izaho Andriamanitra dia nahary ireo "trozona lehibe sy zava-mananaina rehetra izay mihetsika, izay efa betsaka ao amin' ny rano, samy araka ny

karazany avy, ary voromanidina samy araka ny karazany avy; ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa tsara ny zavatra rehetra izay efa nohariako.

22 Ary Izaho Andriamanitra dia nitso-drano azy ireo, nanao hoe: Maroa fara sy "mihabetsaha ary mamenoa ny rano ao amin' ny ranomasina; ary aoka ny vorona hihamaro eny ambonin' ny tany;

23 Ary ny hariva sy ny maraina no andro fahadimy.

24 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka ny tany hamoaka zava-mananaina, samy araka ny karazany avy, biby fiompy sy mandady ary bibidia eo amin' ny tany, samy araka ny karazany avy, dia nisy izany;

25 Ary Izaho Andriamanitra dia nanao ireo bibidia eo amin' ny tany, samy araka ny karazany avy sy ny biby fiompy, samy araka ny karazany avy, ary ny biby rehetra izay mandady amin' ny tany, samy araka ny karazany avy; Ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa ireo zavatra rehetra ireo dia tsara.

26 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny tamin' ny "Lahitokako, izay niaraka Tamiko hatrany am-piandohana, hoe: Andeha isika ^bhamorona olona araka ny ^dendritsika, araka ny tarehintsika; dia to izany. Ary Izaho Andriamanitra dia niteny hoe: Aoka izy ^ehanjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranoma-

16a Gen. 1:16.

21a Gen. 1:21; Abr. 4:21.

22a Gen. 1:22–25;

Abr. 4:22–25.

26a TSM Jesoa Kristy.

^b TSM Fahariana.

^d Gen. 1:26–27;

Mos. 6:8–10;

Abr. 4:26–27.

^e Gen. 1:28; Mos. 5:1;

Abr. 4:28.

sina sy amin' ny voron' ny habakabaka, ary amin' ny biby fiompy sy amin' ny tany manontolo, ary amin' ny biby mandady rehetra izay mandady amin' ny tany.

27 Ary Izaho “Andriamanitra dia nahary ny olona araka ny endriko, araka ny endriky ny Lahitokako no nahariako azy; lahy sy vavy no nahariako azy.

28 Ary Izaho Andriamanitra dia nitso-drano azy ireo sy niteny taminy hoe: Maroa fara sy “mihabetsaha, ary mamenoa ny tany ka mampanompoa azy, ary manjakà amin' ny hazandrano amin' ny ranomasina sy amin' ny voron' ny habakabaka ary amin' ny biby rehetra izay mi-hetsika ambonin' ny tany.

29 Ary Izaho Andriamanitra dia niteny tamin-dralehilahy hoe: Indro, efa nomeko anareo ny anana manintsam-boa rehetra, izay ambonin' ny tany rehetra, ary ny hazo rehetra izay hisy voa sady hanintsam-boa; ho “fihinananareo ireny.

30 Ary ho an' ny bibidia amin' ny tany sy ho an' ny voron' ny habakabaka ary ho an' ny biby rehetra mandady amin' ny tany, izay omeko aina, dia homena ho fihinany ny ahi-maitso sahaza; dia to araka izay noteneniko izany.

31 Ary Izaho Andriamanitra dia nahita ny zavatra rehetra izay efa nataoko, ary indro, ny

zavatra rehetra izay efa nataoko dia “tsara; ary ny hariva sy ny maraina no ^bandro fahenina.

TOKO 3

(Jona–Ôktôbra 1830)

Noharian' Andriamanitra arapanahy ny zava-drehetra talohan' ny nisiany araka ny vatana teto an-tany—Nohariany ralehilahy, ilay nofo voalohany teto an-tany—Ravehivavy dia mpanampy sahaza ho an-dralehilahy.

DIA toy izany no “nahavitan' ny lanitra sy ny tany, mbamin' ^bizay rehetra ao aminy.

2 Ary tamin' ny andro fahafito, Izaho Andriamanitra dia namarana ny asako sy ny zavatra rehetra izay efa nataoko; ary “nitsahatra tamin' ny asako rehetra Aho tamin' ny ^bandro fahafito, ary ny zavatra rehetra izay efa nataoko dia vita, ary Izaho Andriamanitra dia nahita fa tsara izany;

3 Ary Izaho Andriamanitra dia “nitahy ny andro fahafito ary nanamasina izany; satria tamin' izany no nitsaharako tamin' ny ^basako rehetra izay efa nohariako sy nataoko Izaho Andriamanitra.

4 Ary ankehitriny indro, lazaiko aminao fa izany no nian-dohan' ny lanitra sy ny tany fony izy ireo nohariana, tamin' ny andro izay nanaovako Izaho

27a TSM Andriamanitra.

28a Mos. 5:2.

29a Gen. 1:29–30;

Abr. 4:29–30.

31a Gen. 1:31;

F&F 59:16–20.

b Eks. 20:11; Abr. 4:31.

3 1a TSM Fahariana.

b Gen. 2:1; Abr. 5:1.

2a Gen. 2:2–3;

Abr. 5:2–3.

TSM Fitsaharana.

b TSM Andro Sabata.

3a Môsià 13:19.

b Eks. 31:14–15.

Tompo Andriamanitra ny lanitra sy ny tany,

5 Ary ny zavamaniry rehetra teny an-tsaha "talohan' ny nisiany teto an-tany, ary ny anana rehetra teny an-tsaha talohan' ny naniriany. Fa Izaho Tompo Andriamanitra dia ^bnahary ^aarapanahy ny zavatra rehetra izay efa noteneniko ny aminy, talohan' ny nisiany ara-batana teto ambonin' ny tany. Fa Izaho Tompo Andriamanitra dia tsy mbola nampilatsaka ranonorana tambonin' ny tany. Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia efa ^cnahary ny zanak' olombelona rehetra; ary tsy mbola nisy olona hiasa ny ^ftany; fa tany ^gan-danitra no ^hnohariako izy ireo; ary tsy mbola nisy nofo teto an-tany, na tao amin' ny rano, na teny amin' ny rivotra;

6 Fa Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny, ary nisy "zavona niakatra avy tamin' ny tany ka nandena ny tany rehetra.

7 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia namorona ny olona avy tamin' ny ^avovo-tany, ary nofononiko fofonaina mahavelona ny vavorony; ka tonga ^bfanahy velona ny ^dolona, ny ^enofo voalohany teto an-tany, ny lehilahy voalohany ihany koa; kanefa dia efa nohariana taloha ny zava-drehetra; saingy ara-

panahy no nahariana sy namoronana azy ireo araka ny teniko.

8 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nanao saha tao atsinanana, tao ^aEdena, ary tao no nametrahako an-dralehilahy izay efa noforoniko.

9 Ary tao amin' ny tany no nampaniriako, Izaho Tompo Andriamanitra ho azy ny hazo rehetra izay fahafinaretana ho an' ny mason-dralehilahy, ary afaka nitazana izany ralehilahy. Ary tonga fanahy velona koa izany. Fa ara-panahy izany tamin' ny andro izay nahariako azy; fa izany dia mitoetra ao amin' ny tontolo izay nahariako, Izaho Andriamanitra azy, eny, dia ny zavatra rehetra izay nomaniko ho fampiasan-dralehilahy; ary nahita ralehilahy fa tsara ho fihinana izany. Ary Izaho Tompo dia namboly ny ^ahazon' aina koa teo afovoan' ny saha, ary koa ny ^bhazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy.

10 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nahatonga ny renirano hivoaka avy tao Edena mba handena ny saha; ary hatreo izy dia nizara ka ^anisampana tonga efatra.

11 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nanao ny anaran' ny voalohany hoe Pisona, ary izany dia mandeha manodidina

5a Gen. 2:4–5;
Abr. 5:4–5.
b Mos. 6:51.
d Abr. 3:23;
F&F 29:31–34.
TSM Fahariana
Ara-panahy.
e TSM Fanahy.
f Gen. 2:5.

g TSM Lanitra.
h TSM Olona—Olona,
fanahy zanaky ny
Ray any an-danitra.
6a Gen. 2:6.
7a Gen. 2:7;
Mos. 4:25; 6:59;
Abr. 5:7.
b TSM Fanahy

(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy).
d TSM Adama.
e Mos. 1:34.
8a TSM Edena.
9a TSM Hazon' Aina.
b Gen. 2:9.
10a Gen. 2:10.

ny tany Havila rehetra izay nahariako, Izaho Tompo Andriamanitra, volamena betsaka;

12 Ary tsara ny volamena tamin' izany tany izany, ary nisy bedola sy vato ôniksa tao.

13 Ary ny anaran' ny renirano faharoa dia natao hoe Gihona; io no mandeha manodidina ny tany Etiôpia rehetra.

14 Ary ny anaran' ny renirano fahatelo dia Hidekela; io no mandeha mankany atsinanan' i Asiria. Ary ny renirano fahefatra dia Eofrata.

15 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nitondra an-dralehilahy ka nametraka azy tao amin' ny Saha Edena, hiasa sy hikarakara azy.

16 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nandidy an-dralehilahy, nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin' ny saha dia azonao ihinanana malalaka,

17 Fa ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia tsy hihinananao, kanefa dia mahazo "mifidy ho an' ny tenanao ianao satria omena anao izany; saingy tsarovy fa mandrara izany Aho, fa amin' ny ^bandro izay ihinananao aminy dia ho "faty marina tokoa ianao.

18 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin' ny "Lahitokako fa tsy tsara raha irery ralehilahy; koa hanaovako ^bmpanampy sahaza ho azy izy.

19 Ary avy amin' ny tany no

namoronako, Izaho Tompo Andriamanitra, ny biby rehetra any an-tsaha sy ny vorona rehetra eny amin' ny habakabaka; dia nodidiko ny handehanan' izy ireo any amin' i Adama hahitana izay hiantsoany azy avy; ary ireo koa dia fanahy velona; fa Izaho Andriamanitra dia nifofo tao amin' izy ireo ny fofonaina mahavelona ary nandidy fa izay hiantsoan' i Adama ny zavamananaina tsirairay dia izay no ho anarany.

20 Ary nomen' i Adama anarana ny biby fiompy rehetra sy ny voron' ny habakabaka ary ny bibidia rehetra any an-tsaha; saingy raha ny amin' i Adama dia tsy hita ny mpanampy sahaza ho azy.

21 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia nahasondrian-tory lalina an' i Adama; dia natory izy ka nalaiko ny anankiray tamin' ny taolan-tehezany, ary nakomboko teo amin' ny toerany ny nofo;

22 Ary ny taolan-tehezana izay nalaiko, Izaho Tompo Andriamanitra, tamin-dralehilahy dia nataoko "vehivavy ary nentiko teo amin-dralehilahy.

23 Ary hoy i Adama: Fantatro ankehitriny fa ity dia taolana avy amin' ny taolako sy "nofo avy amin' ny nofoko; hataoko hoe vehivavy izy satria lehilahy no nanalana azy.

24 Koa handao ny rainy sy ny

17a Mos. 7:32.
TSM Safidy.
b Abr. 5:13.
d Gen. 2:17.

TSM Fahafatesan' ny
Vatana; Mety Maty.
18a TSM Lahitokana.
b Gen. 2:18; Abr. 5:14.

22a TSM Eva; Vehivavy.
23a Gen. 2:23;
Abr. 5:17.

reniny ny lehilahy ka “hikambana amin’ ny vadiny; dia ho ^bnofo iray ihany ireo.

25 Ary nitanjaka izy ireo, ralehilahy sy ny vadiny, nefa tsy nahalala henatra.

TOKO 4

(Jona—Ôktôbra 1830)

Ny nahatonga an’ i Satana ho devoly—Naka fanahy an’ i Eva izy—Lavo i Adama sy i Eva, ary nidi-tra teo amin’ izao tontolo izao ny fahafatesana.

ARY Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin’ i Mosesy nanao hoe: Io “Satana izay no-didinao tamin’ ny anaran’ ny Lahitokako io ilay efa hatrany ^bam-piandohana, ary tonga teo Amiko izy, nanao hoe—Indro, inty aho, iraho aho, ho zanakalahinao aho ary havotako ny olombelona rehetra ka tsy hisy olona iray ho very, ary ^dhataoko marina tokoa izany; koa omeo ahy ny voninahitrao.

2 Nefa indro, ny “Zanaka Malalako, izay Malalako sy ^bno-fidiko hatrany am-piandohana, dia niteny Tamiko hoe—^dRay ô, hatao anie ny ^esitraponao ary ho Anao ny ^fvoninahitra mandrakizay.

3 Koa satria “nikomy Tamiko i Satana ary nikatsaka ny handrava ny ^bsafidin’ ny olona, izay efa nomeko, Izaho Tompo Andriamanitra azy, ary nika-tsaka ny hanomezako azy koa ny heriko; tamin’ ny alalan’ ny fahefan’ ny Lahitokako, dia nasaiko ^dnazera etỳ ambany izy;

4 Ary tonga Satana izy, eny dia ny devoly, ny rain’ ny ^alainga rehetra, mba hamitaka sy hanajamba ny olona, mba hitarika azy ho babo araka ny sitrapony, dia izay rehetra tsy te hihaino ny feoko.

5 Ary ankehitriny ny menarana dia “fetsy kokoa noho ny bibidia rehetra any an-tsaha, izay efa nataoko, Izaho Tompo Andriamanitra.

6 Ary napetrak’ i Satana tao am-pon’ ny menarana izany (fa efa notarihiny hanaraka azy ny maro) ary nokatsahiny koa ny hanangoly an’ i “Eva, satria tsy fantany ny sain’ Andriamanitra, koa nokatsahiny ny handrava izao tontolo izao.

7 Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky efa nataon’ Andriamanitra hoe—Tsy hihinanareo ny hazo rehetra eo amin’ ny “saha? (Ary niteny tamin’ ny vavan’ ny menarana izy.)

8 Ary hoy ravehivavy tamin’ ny menarana: Azonay ihinana-

24a Gen. 2:24;
F&F 42:22; 49:15–16;
Abr. 5:17–18.
b TSM Fanambadiana.
4 1a TSM Devoly.
b F&F 29:36–37.
d Isa. 14:12–15.
2a TSM Jesoa Kristy.
b Mos. 7:39; Abr. 3:27.

TSM Fanokanana
Mialoha.
d TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.
e Lio. 22:42.
f TSM Voninahitra.
3a TSM Fivoriany Tany
An-danitra.
b TSM Safidy.

d F&F 76:25–27.
4a 2 Ne. 2:18; F&F 10:25.
TSM Fitaka; Lainga.
5a Gen. 3:1; Môsià 16:3;
Almà 12:4.
6a TSM Eva.
7a TSM Edena.

na ny voan' ny hazo eo amin' ny saha;

9 Fa ny voan' ny hazo izay tazanao eo afovoan' ny saha kosa no efa nataon' Andriamanitra hoe—Tsy hihinananareo na hokasihinareo izany, fandrao maty ianareo.

10 Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty marina tokoa ianareo;

11 Fa Andriamanitra dia mahalala fa amin' ny andro izay ihinananareo azy, dia hahiratra ny “masonareo ka ho toy ireo andriamanitra ianareo, ^bmahafantatra ny tsara sy ny ratsy.

12 Ary nony nahita ravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo ary nanjary fahafinaretan' ny maso izany, fa “mampitsiriritra hampahendry azy ny hazo, dia nanotazany ny voany ka ^bnihinanany ary nomeny ny vadiny izay teo anilany, ka dia nihinana izy.

13 Ary samy nahiratra ny masony ka fantany fa “nitanjaka izy ireo. Dia nozairiny ny ravin' aviavy ary nasikiny ny tenany.

14 Ary nandre ny feon' ny Tompo Andriamanitra izy ireo raha “nitsangatsangana teo amin' ny saha nony tolaka ny andro; ary i Adama sy ny vadiny dia nandeha tao anaty hazo tao amin' ny saha, nanafina ny tenany tsy ho eo anatrehan' ny Tompo Andriamanitra.

15 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niantso an' i Adama

ary nanao taminy hoe: “Nanakaiza ianao?

16 Ary hoy izy: Nandre ny feonao tao amin' ny saha aho ka natahotra, satria hitako fa nitanjaka aho ka dia niery.

17 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin' i Adama hoe: Iza no nilaza taminao fa nitanjaka ianao? Efa nihinananao va ny hazo izay nandidiako anao tsy hihinananao, fa raha tsy izany dia ho “faty marina tokoa ianao?

18 Ary hoy ralehilahy: Ny vehivavy nomenao ahy ary nodidinao hiara-mitoetra amiko, izy no nanome ahy ny voankazo ka dia nihinana aho.

19 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin-dravehivavy hoe: Inona ity zavatra nataonao ity? Ary hoy ravehivavy: Ny menarana no “namitaka ahy, ka dia nihinana aho.

20 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin' ny menarana hoe: Satria nanao izany ianao dia ho “voaozona mihoatra noho ny biby rehetra, mihoatra noho ny biby rehetra any an-tsaha; ny kibonao no handehananao, ary ny vovotany no hohaninao amin' ny andro rehetra hiainanao;

21 Ary hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, ny taranakao sy ny taranany; ary hanorotoro ny lohanao izy ary ianao kosa hanorotoro ny ombalahintongony.

11a Gen. 3:3–6; Mos. 5:10.

^b Almà 12:31.

12a Gen. 3:6.

^b TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

13a Gen. 2:25.

14a Gen. 3:8.

15a Gen. 3:9.

17a Mos. 3:17.

19a Gen. 3:13;

Môsà 16:3.

20a Gen. 3:13–15.

22 Tamin-dravehivavy no nitenako, Izaho Tompo Andriamanitra, hoe: Hampitomboiko be dia be tokoa ny fahorianao rehefa mihetsi-jaza ianao. Amin' ny "fahoriana no hiterahanao ny zanakao ary ny fanirianao dia ny ho an' ny vadinao, ka izy no hanapaka anao.

23 Ary tamin' i Adama no nitenako, Izaho Tompo Andriamanitra, hoe: Satria efa nihaino ny feon' ny vadinao ianao ary nihinana tamin' ny voan' ny hazo izay nandidiako anao, nanao hoe: Tsy hihinananao izany, dia ho voaozona ny tany noho ny aminao; amin' ny fahoriana no hihinananao amin' izany amin' ny andro rehetra hiainanao.

24 Haniry songosongo sy tsilo ho anao izany, ary anana famboly no hohaninao.

25 Amin' ny "hatsembohan' ny tavanao no hihinananao mofo mandra-piverinao ho amin' ny tany — fa ho faty marina tokoa ianao — fa avy tamin' izany no nanalana anao: fa ^bvovoka ianao ary hiverina ho vovoka.

26 Ary i Adama dia nanao ny anaran' ny vadiny hoe, Eva satria izy no renin' ny olombelona rehetra; fa toy izany no efa niantsoako, Izaho Tompo Andriamanitra, ny voalohany amin' ny vehivavy rehetra izay "maro.

27 Ho an' i Adama, ary koa ho

an' ny vadiny, no nanaovako, Izaho Tompo Andriamanitra, akanjo hoditra izay "nampianjoako azy ireo.

28 Ary Izaho Tompo Andriamanitra dia niteny tamin' ny Lahitokako hoe: Indro, efa tonga tahaka ny anankiray Amintsika ny "olona, ^bmalalala ny tsara sy ny ratsy; ary ankehitriny, fandrao haninjitra ny tanany izy ka "haka koa amin' ny "hazon' aina, dia hihinana ary ho velona mandrakizay,

29 Koa Izaho Tompo Andriamanitra dia handefa azy hiala ao amin' ny Saha "Edena, hiasa ny tany izay nanalana azy;

30 Fa raha velona koa Izaho Tompo Andriamanitra, dia toy izany koa no tsy hiverenan' ny "teniko foana, fa araka ny ivoa-hany ny vavako no tsy maintsy ahatanterahany.

31 Koa noroahiko ny olona ary nampitoeriko tao atsinanan' ny Saha Edena ny "kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby hiambina ny lalana mankamin' ny hazon' aina.

32 (Ary izany no teny izay noteneniko tamin' i Mosesy mpanompoko, ary marina izany, araka izay sitrako; ary efa noteneniko anao izany. Ezaho mba tsy haseho olona izany mandra-pandidiako anao, afa tsy ireo izay mino. Amena.)

22a Gen. 3:16.

25a Gen. 3:17–19.

TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

b Gen. 2:7; Mos. 6:59;

Abr. 5:7.

26a Mos. 1:34; 6:9.

27a TSM Fahatsorana.

28a Gen. 3:22.

TSM Olona—Olona,

manan-kery ho

tonga tahaka ny Ray

any an-danitra.

b TSM Fahalalana.

d Almà 42:4–5.

e Gen. 2:9; 1 Ne. 11:25;

Mos. 3:9.

TSM Hazon' Aina.

29a TSM Edena.

30a 1 Mpan. 8:56;

F&F 1:38.

31a Almà 42:3.

TSM Kerobima.

TOKO 5

(Jona—Ôktôbra 1830)

*Niteraka i Adama sy i Eva—
Nanatitra fanatitra i Adama ary
nanompo an' Andriamanitra—
Teraka i Kaina sy i Abela—Niko-
my i Kaina, notiaviny mihoatra
noho Andriamanitra i Satana ary
tonga Fahaverezana izy—Niely
ny famonoana olona sy ny fahara-
tsiana—Notoriana hatrany am-
piandohana ny filazantsara.*

ARY ny zava-nitranga rehefa
norohiko, Izaho Tompo An-
driamanitra, izy ireo hiala, dia
nanomboka niasa ny tany i
Adama ary "nanjaka tamin'
ireo biby rehetra tany an-tsaha
sy nihinana ny mofony tamin'
ny hatsembohan' ny tavany,
araka izay efa nandidiako Izaho
Tompô azy. Ary i Eva vadiny
koa dia niara-niasa taminy.

2 Ary i Adama nahalala ny
vadiny, ka "niteraka zazalahy
sy ^bzazavavy ho azy izy, ary ireo
dia nanomboka ^dnihamaro sy
nameno ny tany.

3 Ary hatramin' izany fotoana
izany, ireo zanakalahy sy "zana-
kavavin' i Adama dia nanom-
boka nizara tsiroaroa teo amin'
ny tany sy niasa ny tany, ary
nikolo biby fiompy, ary niteraka
zazalahy sy zazavavy koa.

4 Ary i Adama sy i Eva vadiny
dia niantso ny anaran' ny Tom-
po, ary reny avy any amin'
ny lalana mankamin' ny Saha
"Edena ny feon' ny Tompo mi-
teny aminy, ary tsy hitany Izy;
fa efa nosarahina hiala teo
^banatrehany izy ireo.

5 Ary Izy dia nanome didy
azy ireo fa tokony "hoderainy ny
Tompô Andriamaniny ary toko-
ny hateriny ho fanatitra ho an'
ny Tompo ny ^bvoalohan-teraky
ny biby fiompiny. Ary "nankato
ny didin' ny Tompo i Adama.

6 Ary nony afaka andro maro-
maro dia niseho tamin' i Adama
ny "anjelin' ny Tompo iray,
nanao hoe: Nahoana ianao no
manatitra ^bfanatitra ho an' ny
Tompô? Ary hoy Adama tami-
ny: Tsy misy fantatro afa-tsy ny
hoe ny Tompo no nandidy ahy.

7 Ary niteny ilay anjely tamin'
izay, nanao hoe: Ity zavatra ity
dia "tandindon' ny fanaovan'
ny Lahitokan' ny Ray ^bsorona,
izay feno ^dfahasoavana sy faha-
marinana.

8 Koa hataonao amin' ny
"anaran' ny Zanaka izay rehetra
ataonao, dia ^bhibebaka ianao
ary ^dhiantso an' Andriamanitra
amin' ny anaran' ny Zanaka
hatrizao.

9 Ary tamin' izany andro
izany, dia nilatsaka tamin' i

5 1a Mos. 2:26.

2a Gen. 5:4.

b F&F 138:39.

d Gen. 1:28; Mos. 2:28.

3a Mos. 5:28.

4a TSM Edena.

b Almà 42:9.

5a TSM Fitsaohana.

b Eks. 13:12-13;

Nom. 18:17; Môsià 2:3.

TSM Lahimatoa.

d TSM Mankatò.

6a TSM Anjely.

b TSM Sorona.

7a TSM Jesoa Kristy—
Tandindona na
sarinteny momba
an' i Kristy.

b Almà 34:10-15.

TSM Ra.

d Mos. 1:6, 32.

TSM Fahasoavana.

8a 2 Ne. 31:21.

b Mos. 6:57.

TSM Fibebehana.

d TSM Vavaka.

Adama ny “Fanahy Masina izay vavolombelona manambara ny amin’ ny Ray sy ny Zanaka, manao hoe: Izaho no ^bLahitokan’ ny Ray hatrany am-piandohana, hatramin’ izao ka ho mandrakizay, ka toy ny efa ^dnahalavo anao no ahazoana ^emanavotra anao sy ny olombelona rehetra, dia izay rehetra maniry izany.

10 Ary tamin’ izany andro izany dia nisaotra an’ Andriamanitra i Adama sady “henika ka nanomboka ^bnaminany momba ireo fianakaviana rehetra amin’ ny tany, nanao hoe: Isaorana anie ny anaran’ Andriamanitra fa noho ny nandikako lalàna dia mahiratra ny masoko, ary hanam-^dpifaliana aho eo amin’ ity fiainana ity ary ao amin’ ny ^enofoko indray no hahitako an’ Andriamanitra.

11 Ary nandre izany zavatra rehetra izany i “Eva vadiny ka faly, nanao hoe: Raha tsy nandika lalàna isika dia tsy ho nanana ^btaranaka na oviana na oviana, ary tsy ho nahafantatra ny tsara sy ny ratsy na oviana na oviana, sy ny fifaliana noho ny fanavotana antsika ary ny fiainana mandrakizay izay omen’ Andriamanitra ho an’ ny mpankatò rehetra.

12 Ary nisaotra ny anaran’ Andriamanitra i Adama sy i Eva ka ^anampahafantatra ireo zanakalahiny sy zanakavaviny ny zava-drehetra.

13 Ary tonga teo anivony i “Satana, nanao hoe: Izaho koa dia zanak’ Andriamanitra; ary izy dia nandidy azy ireo, nanao hoe: Aza mino izany; dia tsy ^bninoany izany ary ^dnotiaviny mihoatra noho Andriamanitra i Satana. Ary hatramin’ izay fotoana izay ny olona dia nanomboka ^enanarana ny vatana, ny filandratsy ary ho devoly toetra.

14 Ary ny Tompo Andriamanitra dia niantso ny olona teny rehetra teny tamin’ ny alalan’ ny “Fanahy Masina ka nandidy azy hibe-baka;

15 Ary izay rehetra “hino ny Zanaka ary hibe-baka amin’ ny fahotany dia ^bhovonjena; ary izay rehetra tsy hino sy tsy hibe-baka dia ^dhohelohina; ary niloaka ny vavan’ Andriamanitra toy ny lalàm-pitondrana hentitra ny teny; koa tsy maintsy tanteraka izany.

16 Ary tsy nitsahatra ny niantso an’ Andriamanitra i Adama sy i Eva vadiny. Ary Adama nahalala an’ i Eva vadiny ka nanana anaka izy ary niteraka

9a TSM Fanahy Masina.
b TSM Jesoa Kristy;
Lahitokana.
d TSM Fahafatesana Ara-
panahy; Fahalavoan’
i Adama sy i Eva.
e Mòsia 27:24–26;
F&F 93:38; Fp. 3.
TSM Drafitry ny
Fanavotana;

Fanavotana.
10a TSM Ateraka Indray,
Aterak’ Andriamanitra.
b F&F 107:41–56.
TSM Faminaniana.
d TSM Fifaliana.
e Joba 19:26; 2 Ne. 9:4.
11a TSM Eva.
b 2 Ne. 2:22–23.
12a Deot. 4:9.

13a TSM Devoly.
b TSM Tsy Finoana.
d Mos. 6:15.
e TSM Ara-nofo; Olona
araka ny Nofo.
14a Jao. 14:16–18, 26.
15a TSM Finoana.
b TSM Famonjena.
d F&F 42:60.
TSM Fahamelohana.

an' i "Kaina, ary hoy izy: Efa nahazo zazalahy tamin' ny Tompo Aho; koa tsy afaka hitsipaka ny teniny izy. Nefa indro, tsy nihaino i Kaina sady nanao hoe: Iza moa ny Tompo no tokony hahafantatra Azy aho?

17 Ary nanana anaka indray izy ka niteraka an' i "Abela rahalahiny. Ary ^bnihaino ny feon' ny Tompo i Abela. Ary i Abela dia mpiandry ondry fa i Kaina kosa mpiasa tany.

18 Ary "notiavin' i Kaina mihoatra noho Andriamanitra i Satana. Ary nandidy azy i Satana, nanao hoe: ^bManaova fanatitra ho an' ny Tompo.

19 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka elaela, dia nitondran' i Kaina ny vokatry ny tany mba ho fanatitra ho an' ny Tompo.

20 Ary nitondran' i Abela koa ny voalohan-teraky ny biby fiompiny, dia izay matavy. Ary nankasitraka an' i Abela sy ny "fanatiny ny Tompo;

21 Fa i Kaina sy ny "fanatiny kosa dia tsy mba nankasitrahany. Ankehitriny dia nahafantatra izany i Satana ary nahafinaritra azy izany. Ary tezitra indrindra i Kaina sady nanjombona ny tarehiny.

22 Ary hoy ny Tompo tamin' i Kaina: Nahoana no tezitra ianao? Nahoana no manjombona ny tarehinao?

23 Raha manao ny tsara ianao dia "hoekena. Ary raha tsy ma-

nao ny tsara ianao dia mamitsaka eo am-baravarana ny fahotana, ary maniry ny hahazo anao i Satana; ary raha tsy mihaino ny didiko ianao dia hafoiko, ary dia ho tanteraka aminao araka ny faniriany izany. Ary ianao no hanapaka azy;

24 Ary hatramin' izao fotoana izao, dia ho rain' ny laingany ianao; hatao hoe "Fahaverezana ianao, fa efa talohan' izao tontolo izao koa ianao.

25 Ary holazaina amin' ny fotoana ho avy fa—Ireny "fahavetavetana ireny dia avy amin' i Kaina; fa notsipahiny ny torohevitra tsara lavitra izay avy amin' Andriamanitra; ary izany dia ozona izay hapetrako aminao raha tsy mibebaka ianao.

26 Ary tezitra i Kaina ka tsy nihaino intsony ny feon' ny Tompo na nihaino an' i Abela rahalahiny izay nandeha tamin' ny fahamasinana teo anoloan' ny Tompo.

27 Ary nalahelo teo anoloan' ny Tompo i Adama sy i Eva noho ny amin' i Kaina sy ireo rahalahiny.

28 Ary ny zava-nitranga dia naka ny anankiray tamin' ireo zanakavavin' ny rahalahiny ho vadiny i Kaina, ary "notiavin' izy ireo mihoatra noho Andriamanitra i Satana.

29 Ary hoy i Satana tamin' i Kaina: Miozòna amiko amin' ny tendanao, ary raha milaza izao

16a Gen. 4:1–2.

TSM Kaina.

17a TSM Abela.

^b Heb. 11:4.

18a F&F 10:20–21.

^b F&F 132:8–11.

20a TSM Fanatitra; Sorona.

21a Gen. 4:3–7.

23a Gen. 4:7;

F&F 52:15; 97:8.

24a TSM Zanaky ny

Fahaverezana.

25a Hel. 6:26–28.

28a Mos. 5:13.

ianao dia ho faty; ary ampiozony amin' ny lohany sy amin' Ilay Andriamanitra velona ireo rahalahinao mba tsy hilazany izao; fa raha milaza izao izy ireo dia ho faty marina tokoa; ary izany dia ny mba tsy hahafantaran' ny rainao izao; ary izao andro izao no hanolorako an' i Abela rahalahinao ho eo an-tananao.

30 Ary niozona tamin' i Kaina i Satana fa hanao araka ny didiny. Ary ireo zavatra rehetra ireo dia natao tao amin' ny mifafina.

31 Ary hoy i Kaina: Mahàna marina tokoa aho, ilay tompon' ity tsiambaratelo lehibe ity, ka afaka "mamono olona aho ary mandray tombony. Koa natao hoe Tompon' i Mahàna i Kaina, ary nirehareha tamin' ny faharatsiany izy.

32 Ary nandeha nankany antsaha i Kaina, ary i Kaina dia niresaka tamin' i Abela rahalahiny. Ary ny zava-nitranga, raha mbola tany an-tsaha izy ireo, dia nitsangana namely an' i Abela rahalahiny i Kaina ka namono azy.

33 Ary i Kaina dia "nirehareha tamin' izay efa vitany, nanao hoe: afaka aho, hifindra marina tokoa eo an-tanako ny biby fiompin' ny rahalahiko.

34 Ary hoy ny Tompo tamin' i Kaina: Aiza i Abela rahalahinao? Dia hoy izy: Tsy fantatro. Moa "mpiandry ny rahalahiko va aho?

35 Ary hoy ny Tompo: Inona no nataonao? Ny feon' ny ran' ny rahalahinao dia mitaraina Amiko avy ao amin' ny tany.

36 Ary ankehitriny ianao dia ho voaozona amin' ny tany izay efa nanokatra ny vavany handray ny ran' ny rahalahinao avy teo an-tananao.

37 Raha miasa ny tany ianao, dia tsy hanome anao ny tanjany izany hatramin' izao. Ho "mpanjenjeny sy mpirenireny ianao eto an-tany.

38 Ary hoy i Kaina tamin' ny Tompo: "Naka fanahy ahy i Satana noho ny biby fiompin' ny rahalahiko. Ary tezitra koa aho; fa nekenao ny fanatiny fa tsy ny ahy; ny famaizana ahy dia lehibe mihoatra noho izay azoko zakaina.

39 Indro, efa noroahinao hiala ny tavan' ny Tompo aho androany ka hiery ny tavanao; ary ho mpanjenjeny sy mpirenireny aho eto an-tany; ary izao no hitranga fa izay mahita ahy dia hamono ahy noho ny heloko, satria ireny dia tsy mifafina amin' ny Tompo.

40 Ary Izaho Tompo dia niteny taminy hoe: Na zovy na zovy no mamono anao, dia hovaliana aminy avo fito heny izany. Ary Izaho Tompo dia nametraka "famantarana tamin' i Kaina fandrao hamono azy izay mahita azy.

41 Ary i Kaina dia nesorina

31a TSM Famonoan' Olona.
b IE "Saina",
"mpandrava", "ilay
lehibe" dia samy
mahalaza ny dikan'

ny fototeny amin' ny
"Mahàna."
33a TSM Fiavonavonana;
Rehak' Izao Tontolo
Izao.

34a Gen. 4:9.
37a Gen. 4:11–12.
38a TSM Mitsiriritra;
Fakam-panahy.
40a Gen. 4:15.

hiala avy teo "anatrehan' ny Tompo ka nonina tao amin' ny tany Noda, tao atsinanan' i Edena, niaraka tamin' ny vadiny sy ny maro tamin' ireo rahalahiny.

42 Ary i Kaina nahalala ny vadiny, dia nanana anaka izy ary niteraka an' i Enoka, ary niteraka zazalahy sy zazavavy maro koa izy. Dia nanorina tanàna izy ary nataony hoe Enoka ny anaran' ny "tanàna, araka ny anaran' ny zanakalahiny.

43 Ary i Enoka niteraka an' i Irada, ary zazalahy sy zazavavy hafa. Ary i Irada niteraka an' i Mahojaela, ary zazalahy sy zazavavy hafa. Ary i Mahojaela niteraka an' i Metosaela, ary zazalahy sy zazavavy hafa. Ary i Metosaela niteraka an' i Lameka.

44 Ary i Lameka nampakatra vady roa; ny anaran' ny anankiray dia i Ada, ary ny anaran' ny iray hafa dia i Zila.

45 Ary i Ada niteraka an' i Jabala; izy no rain' ireo mpitotra anaty lay sady mpiandry omby aman' ondry; ary ny anaran' ny rahalahiny dia i Jobala: izy no rain' izay rehetra mpitendry lokanga sy mpitsoaka sodina.

46 Ary i Zila dia niteraka an' i Tobala Kaina izay mpampiana-

tra ny mpanefy rehetra momba ny varahina sy ny vy. Ary ny anabavin' i Tobala Kaina dia i Nama.

47 Ary hoy i Lameka tamin' i Ada sy i Zila vadiny: Mandrenesa ny feoko ianareo vadin' i Lameka, henoy ny teniko; fa efa namono lehilahy iray nahafarena ahy aho, ary tovolahy iray, izay naharatra ahy.

48 Raha hovalina avo fito heny izay mamono an' i Kaina, dia avo "fito amby fitopolo heny marina kosa izay mamono an' i Lameka;

49 Fa i Lameka dia efa nanao "fifanekena tamin' i Satana, araka ny fomban' i Kaina, izay nahatonga azy ho Tompon' i Mahàna, tompon' ilay tsiambaratelo lehibe izay nampiharina' i Satana tamin' i Kaina; ary i Irada, ilay zanakalahina' i Enoka, rehefa nahafantatra ny tsiambaratelony, dia nanomboka namboraka izany tamin' ireo zanakalahina' i Adama;

50 Koa tezitra i Lameka ary namono azy, saingy tsy mba tahaka ny namonoan' i Kaina an' i Abela rahalahiny, dia ny mba hahazoana tombony, fa novonoiny kosa izy noho ilay fiozonana.

51 Fa hatramin' ny andron' i

41a Mos. 6:49.

42a IE Nisy lehilahy nantsoina hoe Enoka tamin' ny taranak' i Kaina, ary nisy tanàna nitondra izany anarana izany teo anivon' ny vahoakany. Aza ampifangaroina

amin' i Enoka avy amin' ny taranaka marin' i Seta sy ny tanànany, i Ziona, izay nantsoina ihany koa hoe "Tanànan' i Enoka."

48a Gen. 4:24. IE Nirehareha i Lameka fa i Satana dia

hahavita bebe kokoa mihoatra noho izay efa nataony tamin' i Kaina. Ny antony mahatonga azy hanana izany eritreritra izany dia hita ao amin' ny andininy 49 sy 50.
49a TSM Fianianana.

Kaina dia nisy ny “tsikombakomba miafina, ary tao amin’ ny maizina ny asany, ary samy nahafantatra ny rahalahiny avy izy ireo.

52 Koa ny Tompo dia nanazona an’ i Lameka sy ny ankohonany mbamin’ ireo rehetra izay efa nifanaiky tamin’ i Satana; fa tsy notandreman’ ny didin’ Andriamanitra, ary nahasosotra an’ Andriamanitra izany, ary Izy dia tsy nitahy azy ireo; ary ny asany dia fahavetavetana ary nanomboka niely teo anivon’ ireo “zanakalahin’ ny olona rehetra. Ary izany dia teo anivon’ ny zanak’ olombelona.

53 Ary teo anivon’ ireo zanakavavin’ ny olona, dia tsy mba noresahina ireny zavatra ireny, satria i Lameka dia efa nilaza ilay tsiambaratelo tamin’ ireo vadiny, ary nikomy taminy ireo ka namboraka ireny zavatra ireny teny ivelany ary tsy nanana fangorahana;

54 Koa i Lameka dia noharabina sy noroahina ary tsy nankeo anivon’ ny zanak’ olombelona, fandrao ho faty izy.

55 Ary dia toy izany no nanomboka nanjakan’ ny asan’ ny “maizina teo anivon’ ny zanak’ olombelona.

56 Ary Andriamanitra dia nanazona ny tany tamin’ ny ozona mahatsiravina sady tezitra tamin’ ny olon-dratsy, tamin’ ny zanak’ olombelona izay efa nataony;

57 Fa izy ireo dia tsy te hihaino ny feony, na hino ny Zanaka “Lahitokany, dia Izy izay nolazainy fa ho avy amin’ ny mitataovovonan’ ny fotoana, izay efa nomanina hatry ny talohan’ ny fanorenana izao tontolo izao.

58 Ary dia toy izany no nanomboka nitoriana ny “Filazantsara hatrany am-piandohana, izay nambaran’ ireo ^banjely masina, nirahina avy teo anatrehan’ Andriamanitra ary tamin’ ny alalan’ ny feony sy tamin’ ny alalan’ ny ^dfanomezana ny Fanahy Masina.

59 Ary dia toy izany no nana-mafisana tamin’ i Adama ny zava-drehetra tamin’ ny alalan’ ny ôrdônansy masina sy ny Filazantsara torina ary ny didim-pitondrana nalefa, fa izany dia tokony ho eo amin’ izao tontolo izao ambaram-pahatongan’ ny farany; ary dia izany tokoa. Amena.

TOKO 6

(*Nôvambra—Desambra 1830*)

Nitana bokim-pahatsiarovana ny taranak’ i Adama—Nitory fibe-bahana ny taranany marina. Naneho ny tenany tamin’ i Enoka Andriamanitra—Nitory ny filazantsara i Enoka—Nambara tamin’ i Adama ny drafitry ny famonjena—Nandray ny batisa sy ny fisoronana izy.

51a TSM Tsikombakomba
Miafina.

52a Mos. 8:14–15.

55a TSM Haizim-panahy;

Faharatsiana.

57a TSM Jesoa Kristy.

58a TSM Filazantsara.

b Almà 12:28–30;

Môrô. 7:25, 29–31.

TSM Anjely.

d TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

ARY nihaino ny feon' Andriamanitra i "Adama ka niantso ireo zanakalahiny hibe-baka.

2 Ary i Adama nahalala ny vadiny indray, izay niteraka zazalahy, ary izy dia nanao ny anarany hoe "Seta. Ary nankalaza ny anaran' Andriamanitra i Adama; fa hoy izy: Efa nomen' Andriamanitra zaza iray hafa aho ho solon' i Abela izay novonoin' i Kaina.

3 Ary naneho ny tenany tamin' i Seta Andriamanitra, ary tsy nikomy izy fa nanatitra "fanatitra ankasitrahana tahaka an' i Abela rahalahiny. Ary izy koa dia niteraka zazalahy iray, ary ny anarany nataony hoe Enôsa.

4 Ary tamin' izay ireo lehilahy ireo no nanomboka "niantso ny anaran' ny Tompo, ary nitahy azy ireo ny Tompo;

5 Ary notanana ny "bokimpahatsiarovana izay nosoratana tamin' ny fitenin' i Adama, fa nomena ireo rehetra izay niantso an' Andriamanitra ny hanoratra amin' ny alalan' ny fanahin' ny ^bfitaomana;

6 Ary tamin' ny alalan' izy ireo no nampianarana ny zanany hamaky sy hanoratra, ary nanana fiteny izay madio sy tsy voaloto izy.

7 Ankehitriny ity "Fisoronana

ity ihany izay efa tany ampiandohana no ho any am-pi-faran' izao tontolo izao koa.

8 Ankehitriny, dia izao faminiana izao no notenenin' i Adama raha nentanin' ny "Fanahy Masina izy ary notanana ny ^btetiaran' ny "zanak' Andriamanitra. Ary izao no ^bbokin' ireo taranak' i Adama, manao hoe: Tamin' ny andro izay naharian' Andriamanitra ny olona, dia manahaka an' Andriamanitra no nahariany azy;

9 "Manahaka ny vatany ihany, lahy sy vavy, no nahariany ^bazy ireo, dia notahiny izy ireo ary nataony hoe Adama no "anarany tamin' ny andro izay nahariana azy ireo, ary "tonga fanahy velona izy ireo teo amin' ny tany izay ^ffitoeran-tongotr' Andriamanitra.

10 Ary telopolo amby zato ny andro niainan' i "Adama raha niteraka zazalahy nanahaka azy izy, araka ny ^bendrin' ny, ary nataony hoe Seta ny anarany.

11 Ary ny andron' i Adama, taorian' ny niterahany an' i Seta dia valonjato taona, ary niteraka zazalahy sy zazavavy maro izy;

12 Ary ny andro rehetra izay niainan' i Adama dia telopolo amby sivinjato taona, dia maty izy.

6 1a TSM Adama.

2a Gen. 4:25.

TSM Seta.

3a TSM Sorona.

4a Gen. 4:26.

TSM Vavaka.

5a Abr. 1:28, 31.

TSM Bokim-

pahatsiarovana.

b TSM Fitaoman' ny

Fanahy.

7a TSM Fisoronana.

8a 2 Pet. 1:21.

b TSM Tetiarana.

d TSM Zanalahy sy

Zanakavavin'

Andriamanitra.

e Gen. 5:1.

9a Gen. 1:26–28;

Mos. 2:26–29;

Abr. 4:26–31.

b TSM Olona.

d Mos. 1:34; 4:26.

e TSM Fanahy

(Fitambaran' ny

Vatana sy ny Fanahy).

f Abr. 2:7.

10a F&F 107:41–56.

b Gen. 5:3;

F&F 107:42–43; 138:40.

13 Dimy amby zato taona ny andro niainan' i Seta raha niteraka an' i Enôsa izy ka naminany tamin' ny androny rehetra ary nampianatra an' i Enôsa zanakalahiny tamin' ny fomban' Andriamanitra; koa naminany koa i Enôsa.

14 Ary fito amby valonjato taona ny andro niainan' i Seta taorian' ny niterahany an' i Enôsa, ary niteraka zazalahy sy zazavavy maro izy.

15 Ary sesehena ny zanak' olombelona tambonin' ny tany manontolo. Ary tamin' izany andro izany dia "nanan-kery fatratra teo anivon' ny olona i Satana sady romotra tao ampon' izy ireo; ary hatramin' izany fotoana izany dia nisy ny ady sy ny fandatsahan-dra; ary ny tanan' ny olona dia namely ny rahalahiny ihany ka nahatonga fahafatesana noho ny ^basa miafina hikatsahana fahefana.

16 Ny andro rehetra niainan' i Seta dia roa ambin' ny folo sy sivinjato taona, dia maty izy.

17 Ary sivifolo taona ny andro niainan' i Enôsa raha niteraka an' i "Kenana izy. Ary i Enôsa sy ny sisa amin' ny vahoakan' Andriamanitra dia nivoaka niala teo amin' ny tany izay natao hoe Solôna ka nonina teo amin' ny tany nampanantenaina, izay nampitondrainy ny anaran' ny zanakalahiny izay nataony hoe Kenana no anarany.

18 Ary dimy ambin' ny folo sy valonjato taona ny andro niainan' i Enôsa taorian' ny niterahany an' i Kenana, ka niteraka zazalahy sy zazavavy maro izy.

19 Ary fitopolo taona ny andro niainan' i Kenana raha niteraka an' i Mahalalila izy; ary efapolo sy valonjato taona ny andro niainan' i Kenana taorian' ny niterahany an' i Mahalalila, ka niteraka zazalahy sy zazavavy izy. Ary ny andro rehetra niainan' i Kenana dia folo amby sivinjato taona, dia maty izy.

20 Ary dimy amby enimpolo taona ny andro niainan' i Mahalalila raha niteraka an' i Jarêda izy; ary telopolo sy valonjato taona ny andro niainan' i Mahalalila taorian' ny niterahany an' i Jarêda, ka niteraka zazalahy sy zazavavy izy. Ary ny andro rehetra niainan' i Mahalalila dia dimy amby sivifolo sy valonjato taona, dia maty izy.

21 Ary roa amby enimpolo amby zato taona ny andro niainan' i Jarêda raha niteraka an' i "Enoka izy; ary valonjato taona ny andro niainan' i Jarêda taorian' ny niterahany an' i Enoka, ka niteraka zazalahy sy zazavavy izy. Ary nampianarin' i Jarêda an' i Enoka ny lalan' Andriamanitra rehetra.

22 Dia izany no tetiaran' ireo zanakalahin' i Adama izay "zanakalahin' Andriamanitra, izay niresahan' Andriamanitra Izy tenany.

15a Mos. 5:13.

^b TSM Tsikombakomba Miafina.

17a Gen. 5:10–14;

F&F 107:45, 53.

21a Gen. 5:18–24;

Mos. 7:69; 8:1–2.

TSM Enoka.

22a Lio. 3:38.

23 Ary “mpitory ny fahamari-nana izy ireo ka niteny sy ^bnaminany ary niantso ny olondrehetra, na taiza na taiza, “hibebaka; ary nampianarina ny zanak’ olombelona ny “finoana.

24 Ary ny zava-nitranga dia roa amby enimpolo sy sivinjato taona ny andro rehetra niainan’ i Jarèda dia maty izy.

25 Ary ny andro niainan’ i Enoka dia dimy amby enimpolo taona raha niteraka an’ i “Metosela izy.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo amin’ ny tany i Enoka, teo anivon’ ny vahoaka; ary raha nandeha izy dia nidina avy tany an-danitra ny Fanahin’ Andriamanitra ary nitoetra teo aminy.

27 Ary izy dia nandre feo avy tany an-danitra, nanao hoe: Ry Enoka, zanako, maminania amin’ ity vahoaka ity ka lazao aminy hoe: — Mibebaha fa izao no lazain’ ny Tompo: “tezitra amin’ ity vahoaka ity Aho, ary ny fahatezerako mivaivay dia mirehitra aminy; fa efa mihamafy ny fony ary nihadonto ny ^bsofiny ary ^atsy mahita lavitra ny masonry;

28 Ary mandritra ireto taranaka maro ireto, hatramin’ ny andro izay nahariako azy ireo no efa “naniaasia izy ireo ary nandà Ahy ka nikatsaka ny toroheviny ihany tao amin’ ny maizina; ary

tao amin’ ny fahavetavetany no efa namolavolany vonoan’ olona ka tsy nitandremany ireo didy izay nomeko an’ i Adama rainy.

29 Koa efa nianiana tsy to izy ireo ary tamin’ ny “fianianany no efa nitondrany fahafatesana ho an’ ny tenany; ary ny ^bhelo no efa nomaniko ho azy ireo raha tsy mibebaka izy ireo;

30 Ary izany no didim-pitondrana izay efa nalefako avy teo am-bavako, tamin’ ny fiandohan’ izao tontolo izao hatry ny fanorenana azy, ary tamin’ ny vavan’ ireo mpanompoko, rai-nareo, no efa nandidiako izany, dia toy ny handefasana izany eo amin’ izao tontolo izao, hatrany am-paran’ ny tany.

31 Ary nony efa nandre ireo teny ireo i Enoka dia niankohoka tamin’ ny tany teo anoloan’ ny Tompo ary niteny teo anoloan’ ny Tompo hoe: Nahoana aho no nahita sitraka teo imasonao na dia mbola zatovolahy aza aho ary mankahala ahy ny vahoaka rehetra; fa “miadam-piteny aho; koa nahoana aho no mpanomponao?

32 Ary hoy ny Tompo tamin’ i Enoka: Mandehana ary ataovy izay efa nandidiako anao ary tsy misy olona hanagorobaka anao. Sokafy ny “vavanao dia hofenoina izany ary homeko izay holazainao, fa eo an-tanako

23a TSM Mpaminany.
b TSM Faminaniana.
d TSM Fibebahana.
e TSM Finoana.
25a TSM Metosela.
27a F&F 63:32.

b Mat. 13:15;
2 Ne. 9:31;
Môsîà 26:28;
F&F 1:2, 11, 14.
d Almà 10:25; 14:6.
28a TSM Fikomiana.

29a TSM Fianianana.
b TSM Helo.
31a Eks. 4:10–16;
Jer. 1:6–9.
32a F&F 24:5–6; 60:2.

ny nofo rehetra, ary Izaho dia manao araka izay heveriko fa tsara.

33 Lazao amin' ity vahoaka ity hoe: "Fidionareo anio ny hanompo ny Tompo Andriamanitra izay nanao anareo.

34 Indro mby eo aminao ny Fanahiko, koa ny teninao rehetra dia hohamariniko; ary ny "tendrombohitra dia handositra eo anoloanao, ary ny ^brenirano dia hivily amin' ny lalany; ary hitoetra ato Amiko ianao ary Izaho ao aminao; koa "miaraha-mandeha Amiko.

35 Ary niteny tamin' i Enoka ny Tompo ary nilaza taminy hoe: Hosory tanimanga ny masonao ka sasao dia hahita ianao. Ary nataony izany.

36 Dia tazany ireo "fanahy izay efa noharian' Andriamanitra; ary tazany koa ireo zavatra izay tsy mety ho hitan' ny ^bmaso ara-nofo; ary hatramin' izay fotoana izay dia niely teo amin' ny tany ny filazana fa: "Mpahita iray no efa natsangan' ny Tompo ho an' ny vahoakany.

37 Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo amin' ny tany i Enoka, tany anivon' ny vahoaka, nijoro teo amin' ny vohitra sy ny toerana avo ka nihiaka tamin' ny feo mahery nijoro ho vavolombelona nanohitra ny asan' izy ireo; ary "tafintohina ny olon-drehetra noho ny aminy.

38 Dia nivoaka izy ireo mba handre azy teny amin' ny toe-

rana avo ka nilaza tamin' ny mpiandry lay hoe: Mitomoera eto ianareo ary andraso ny lay fa izahay kosa handeha ho eny hizaha ny mpahita, fa mamina-ny izy ary misy zavatra hafahafa eo amin' ny tany; efa tonga eto anivontsika ny olon-dia.

39 Ary ny zava-nitranga nony nandre azy izy dia tsy nisy olona naninjitra ny tanany taminy; fa tonga tamin' izay rehetra nihaino azy ny tahotra; fa niara-nandeha tamin' Andriamanitra izy.

40 Ary nisy lehilahy iray nana- tona azy, izay i Mahija no anarany ary hoy izy taminy: Lazao mazava tsara aminay hoe iza ianao ary avy aiza no niavianao?

41 Ary hoy izy taminy: Nivoaka avy any amin' ny tany Kenana aho, ny tanin' ireo raiko, tanin' ny fahamarinana mandraka androany. Ary ny raiko dia nampianatra ahy tamin' ny lalan' Andriamanitra rehetra.

42 Ary ny zava-nitranga raha niainga avy tao amin' ny tany Kenana aho, niazo ny ranomasina atsinanana, dia nahita fahitana; ary indro, nahita ny lanitra aho ary niteny tamiko ny Tompo sady nanome ahy didy; koa noho izany antony izany, ho fitandremana ny didy, dia niteny ireny teny ireny aho.

43 Ary nanohy ny lahateniny i Enoka, nanao hoe: Ny Tompo izay niteny tamiko, Izy no Andriamanitry ny Lanitra, ary

33a TSM Safidy.

34a Mat. 17:20.

b Mos. 7:13.

d Gen. 5:24; Mos. 7:69.

TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka

amin' Andriamanitra.

36a TSM Fahariana

Ara-panahy.

b Mos. 1:11.

d TSM Mpahita.

37a 1 Ne. 16:1-3.

Izy no Andriamanitra sy Andriamanitrareo ary ianareo dia rahalahiko, ary nahoana no “mitoky amin’ ny tenanareo ianareo ka mandà ny Andriamanitry ny lanitra?

44 Izy no nanao ny lanitra; ny “tany no ^bfitoeran’ ny tongony; ary ny fototra iorenany dia Azy. Indro, Izy no nandatsaka izany, ary sesehena ny olona nampitoeriny teo amboniny.

45 Ary efa tonga teo amin’ ireo raintsika ny fahafatesana; kanefa isika dia mahafantatra azy ireo ary tsy afaka mandà izany, ary na dia ilay voalohan’ amin’ izy rehetra aza, dia i Adama izany, dia fantatsika.

46 Fa ny bokim-“pahatsiarovana dia efa nosoratantsika teo anivontsika araka ny toromari-ka efa nomen’ ny rantsantan’ Andriamanitra; ary omena antsika amin’ ny fitenintsika izany.

47 Ary raha niteny ny tenin’ Andriamanitra i Enoka dia nangovitra ny vahoaka ka tsy nahajoro teo anatrehany.

48 Ary hoy izy taminy: Koa satria “lavo i Adama dia misy isika; ary tamin’ ny fahalavoany no nahatongavan’ ny ^bfahafatesana; ary atao mpandray anjara amin’ ny fahantrana sy ny fahoriana isika.

49 Indro fa efa tonga eo anivon’ ny zanak’ olombelona i Satana ka “maka fanahy azy ireo hidera azy; ary ny olona dia nanjary ^bnanarana ny vatana, ny “filandratsy ary devoly toetra ka “nosarahina hiala avy teo anatrehan’ Andriamanitra.

50 Fa efa nampahafantarin’ Andriamanitra ireo raintsika fa tsy maintsy mibebaka ny olondrehetra.

51 Azy Izy dia efa niantso an’ i Adama raintsika tamin’ ny alalan’ ny feony, nanao hoe: Izaho no Andriamanitra; Izaho no nanao izao tontolo izao sy ny “olona ^btalohan’ ny nahatongavany ho nofo.

52 Ary hoy koa Izy taminy: Raha mitodika Amiko ianao ary mihaino ny feoko sy mino ary mibebaka amin’ ny fandikanao lalàna rehetra sy “atao batisa amin’ ny rano, amin’ ny anaran’ ny Zanaka Lahitokako, izay feno ^bfahasoavana sy fahamarinana, izay i “Jesoa Kristy, ilay hany “anarana izay home-na etỳ ambanin’ ny lanitra, izay hahatongavan’ ny ^ffamonjena amin’ ny zanak’ olombelona, dia handray ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao, ka hngataka ny zava-drehetra amin’ ny Anarany, ary na inona na

43a Ohab. 1:24–33;
F&F 56:14–15.

44a Deot. 10:14.
b Abr. 2:7.

46a tsm Bokim-
pahatsiarovana.

48a 2 Ne. 2:25.
tsm Fahalavoan’ i
Adama sy i Eva.
b tsm Fahafatesan’
ny Vatana.

49a Mos. 1:12.
tsm Fakam-panahy.
b Môsià 16:3–4;
Mos. 5:13.

tsm Ara-nofo.
d tsm Manarana ny
Filan’ ny Nofo.
e tsm Fahafatesana
Ara-panahy.

51a tsm Olona—Olona,
fanahy zanaky ny

Ray any an-danitra.
b tsm Fahariana
Ara-panahy.
52a 3 Ne. 11:23–26.
tsm Batisa.

b tsm Fahasoavana.
d tsm Jesoa Kristy.
e Asa 4:12;
2 Ne. 31:21.
f tsm Famonjena.

inona hangatahinao, dia home-na anao izany.

53 Ary niteny tamin' ny Tompo i Adama raintsika ka nanao hoe: Nahoana no tsy maintsy mibebaka ny olona ary atao batisa amin' ny rano? Ary hoy ny Tompo tamin' i Adama: Indro efa "navelako ny fandikanao lalàna tao amin' ny Saha Edena.

54 Avy amin' izany no nielezan' ny filazana tany anivon' ny vahoaka fa ny "Zanak' Andriamanitra dia efa ^bnanonitra ny fahotana fototra ka ny fahotan' ny ray aman-dreny dia tsy azo valina eo ambonin' ny lohan' ireo ^dzanaka, fa madio ireo hatry ny fanorenana izao tontolo izao.

55 Ary niteny tamin' i Adama ny Tompo nanao hoe: Koa satria notorontoronina tao amin' ny fahotana ny zanakao, dia torontoronina ao am-pony toy izany koa ny "fahotana rehefa manomboka mitombo izy, ary dia andramany ny ^bmangidy mba haizany mankamamy ny tsara.

56 Ary omena azy ny hanavaka ny tsara amin' ny ratsy; koa manao araka izay "safidiny izy ary efa nomeko anao ny lalàna sy ny didy iray hafa.

57 Koa ampianaro ny zanakao izao fa ny olona rehetra, na aiza

na aiza, dia tsy maintsy "mibebaka, fa raha tsy izany dia tsy afaka mandova mihitsy ny fanjakan' Andriamanitra izy, fa tsy misy zavatra ^btsy madio afaka mitoetra ao na ^dmitoetra eo anatrehany; fa amin' ny fitehin' i Adama dia "Lehilahin' ny Fahamasinana no anarany ary ny anaran' ny Lahitokany dia ^fZanak' Olona, dia i Jesoa Kristy, ^gMpitsara marina izay ho avy amin' ny mitataovovon' ny fotoana.

58 Koa omeko didy ianao mba hampianatra malalaka ny "zanakao amin' izany zavatra izany manao hoe:

59 Fa noho ny fandikan-dalàna dia tonga ny fahalavoana, fahalavoana mitondra fahafatesana, ary toy ny efa nahaterahanareo teo amin' izao tontolo izao tamin' ny rano sy ny ra ary ny "fanahy, izay nataoko, ka tonga fanahy velona avy amin' ny ^bvovo-tany, dia toy izany koa no tsy maintsy "ahaterahanareo indray ao amin' ny fanjakan' ny lanitra, amin' ny "rano sy ny amin' ny Fanahy ary hanadiovana anareo amin' ny ra, dia ny ran' ny Lahitokako; mba ho azo hamasinina hiala amin' ny fahotana rehetra ianareo ka

53a TSM Mamela.

54a TSM Jesoa Kristy.

^b TSM Sorompanavotana.

^d Môsià 3:16.

55a TSM Fahotana.

^b F&F 29:39.

TSM Fahorianana.

56a 2 Ne. 2:26-27;

Hel. 14:29-30.

TSM Safidy.

57a 2 Tan. 6:9-10.

TSM Fibebahana.

^b 1 Ne. 10:21.

TSM Madio sy Tsy Madio.

^d Sal. 24:3-4;

1 Ne. 15:33-36;

Môrm. 7:7;

F&F 76:50-62.

^e Mos. 7:35.

TSM Lehilahin' ny

Fahamasinana.

^f TSM Zanak' Olona.

^g TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara;

Fahamarinana.

58a TSM Zanakao.

59a 1 Jn. 5:8.

^b Gen. 2:7; Mos. 4:25;

Abr. 5:7.

^d TSM Ateraka Indray,

Aterak' Andriamanitra.

^e TSM Batisa.

^fhankamamy ny ^stenin' ny fiainana mandrakizay eo amin' ity izao tontolo izao ity ary ny fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy, dia ^hvoninahitra tsy mety maty;

60 Fa amin' ny ^arano no itandremanareo ny didy; amin' ny Fanahy no ^hhamarinina ianareo ary amin' ny ^ara no ^hhamasinina ianareo;

61 Koa omena izany mba hitoetra ao aminareo: ny tenivavolombelon' ny lanitra; ny ^aMpampionona; ny zavatra mandry fahizay momba ny voninahitra tsy mety maty; ny fahamarinan' ny zava-drehetra, izay mamelona ny zava-drehetra; izay manome aina ny zava-drehetra; izay mahalala ny zava-drehetra ary manana ny hery rehetra araka ny fahendrena, ny famindram-po, ny fahamarinana, ny fahitsiana ary ny fitsarana.

62 Ary ankehitriny indro, lazaiko amina: Izany no ^adrafitry ny famonjena ho an' ny olondrehetra, amin' ny alalan' ny ran' ny ^bLahitokako izay ho avy amin' ny mitataovovonan' ny fotoana.

63 Ary indro ny zava-drehetra dia manana izay tahafiny, ary ny zavatra rehetra dia nohariana sy natao mba ho ^avavolom-

belona manambara Ahy, na ny zavatra izay ara-nofo izany, na ny zavatra izay ara-panahy; zavatra izay eny amin' ny lanitra ambony sy zavatra izay ety an-tany, ary zavatra izay ao amin' ny tany sy zavatra izay ambanin' ny tany, na ambony na ambany: ny zavatra rehetra dia vavolombelona manambara Ahy.

64 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niresaka tamin' i Adama raintsika ny Tompo, dia niantso ny Tompo i Adama ka nentin' ny ^aFanahin' ny Tompo izy ary nampidinina teo amin' ny rano sy nasitrika tao ambany ^brano ary navoaka avy tao anaty rano.

65 Ary dia toy izany no nanaovana batisa azy ary nidina teo aminy ny Fanahin' Andriamanitra ka ^anateraky ny Fanahy toy izany izy ary novelomina ny ^btoe-panahy tao anatin'ny.

66 Ary izy dia nandre feo avy tany an-danitra, nanao hoe: ^aVita batisa tamin' ny afo sy ny Fanahy Masina ianao. Izao no ^btenivavolombelon' ny Ray sy ny Zanaka hatramin' izao ka ho mandrakizay;

67 Ary ianao dia araka ny ^alamin' ilay tsy nisy fiandohan' andro na fiafaran-taona, hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay.

59f 2 Ne. 4:15–16;

Almà 32:28.

g Jao. 6:68.

h TSM Voninahitra
Selestialy.

60a Môrô. 8:25.

b TSM Manamarina.

d TSM Ra.

e TSM Fanamasinana.

61a TSM Fanahy Masina.

62a TSM Drafitry ny
Fanavotana.

b TSM Lahitokana.

63a Almà 30:44;

F&F 88:45–47.

64a TSM Fanahy Masina.

b TSM Batisa.

65a TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

b Môsià 27:25;

Almà 5:12–15.

66a F&F 19:31.

TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

b 2 Ne. 31:17–18;

3 Ne. 28:11.

67a TSM Fisoronana
Melkizedeka.

68 Indro ianao dia “iray ato Amiko, zanak’ Andriamanitra; dia toy izany no mety hahatonga ny rehetra ho ^bzanako. Amena.

TOKO 7

(Desambra 1830)

Nampianatra, nitarika ny vahoaka ary namindra Tendrombohitra i Enoka—Naorina ny tanànan’ i Ziona—Hitan’ i Enoka mialoha ny fiavian’ ny Zanak’ olona, ny sorompanavotany ary ny fitsanganan’ ireo Olomasina amin’ ny maty—Hitany mialoha ny famerenana amin’ ny laoniny, ny Fanangonana, ny Fiaviana Fanindroany ary ny fiverenan’ i Ziona.

ARY ny zava-nitranga dia nano-hy ny lahateniny i Enoka, nanao hoe: Indro, i Adama raintsika dia nampianatra ireo zavatra ireo ary maro no nino ka tonga “zanak’ Andriamanitra ary maro no tsy nino ary efa maty tao amin’ ny fahotany ka mian-drandra amin’ ny ^btahotra, ao amin’ ny fijaliana, ny firehetan’ ny fahaviniran’ ny fisafoakan’ Andriamanitra hilatsaka aminy.

2 Ary hatramin’ izay fotoana izay, dia nanomboka naminany i Enoka nanao tamin’ ny vahoaka hoe: Raha nandeha aho ary nijoro teo amin’ ny toeran’ i Mahojà ary niantso ny Tompo, dia nisy feo nivoaka avy any

an-danitra, nanao hoe:—Mito-diha ianao ary miakara eo an-tendrombohitra’ i Simeona.

3 Ary ny zava-nitranga dia nitodika aho ary nandeha nia-katra teo an-tendrombohitra; ary raha nijoro teo an-tendrom-bohitra aho dia nahatazana ny lanitra nisokatra, ary notafiana “voninahitra aho;

4 Dia nahita ny Tompo aho; ary nijoro teo anoloan’ ny tavako Izy ka niresaka tamiko, tahaka ny olona iray miresaka amin’ ny iray hafa, “mifanatrika; ary hoy Izy tamiko: ^bJereo dia hasehoko anao izao tontolo izao mandritra ireo taranaka maro.

5 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny lohasahan’ i Soma aho ary indro, sesehena ny vahoaka izay nitoetra tao anaty lay, izay ny vahoakan’ i Soma.

6 Ary hoy indray ny Tompo tamiko: Jereo; dia nijery nianavaratra aho ka nahatazana ny vahoakan’ i Kanana izay nitoetra tao anaty lay.

7 Ary hoy ny Tompo tamiko: Maminania; dia naminany aho, nanao hoe: Indro, ny vahoakan’ i Kanana, izay sesehena, dia hivoaka sady hitandahatra mba hiady amin’ ny vahoakan’ i Soma ary handripaka azy, hany ka ho fongana tanteraka izy; ary ny vahoakan’ i Kanana dia hifampizara eo amin’ ny tany, ary ny tany dia ho ngazana sy tsy hahavokatra ary tsy hisy

68a 1 Jn. 3:1–3;

F&F 35:2.

b Jao. 1:12; F&F 34:3.

TSM Zanakalahy sy

Zanakavavin’

Andriamanitra.

7 1a TSM Zanakalahy sy

Zanakavavin’

Andriamanitra.

b Almà 40:11–14.

3a TSM Fiovan-tarehy.

4a Gen. 32:30;

Deot. 5:4;

Mos. 1:2, 11, 31.

b Mos. 1:4.

vahoaka hafa hitoetra eo afa-tsy ny vahoakan' i Kanana;

8 Fa indro, ny Tompo dia hanozona ny tany amin' ny hafanana be ary ny hangazanany dia hitohy mandrakizay; ary nisy "fahamaintisana tonga tamin' ny zanak' i Kanana rehetra ka nankahalaina teo anivon' ny vahoaka rehetra izy ireo.

9 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Jereo; dia nijery aho ka nahatazana ny tanin' i Saroma sy ny tanin' i Enoka, ary ny tanin' i Ômnera sy ny tanin' i Heny, ary ny tanin' i Sema sy ny tanin' i Hanera, ary ny tanin' i Hananiha mbamin' ny mponiny rehetra;

10 Ary hoy ny Tompo tamiko: Mandehana any amin' ity vahoaka ity ary lazao aminy hoe — "Mibebaha fandrao hivoaka Aho ka hamely azy amin' ny ozona ary ho faty izy.

11 Ary nomeny ahy ny didy fa izaho dia tokony "hanao batisa amin' ny anaran' ny Ray sy ny an' ny Zanaka izay feno ^bfahasoavana sy fahamarinana, ary ny an' ny "Fanahy Masina izay vavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka.

12 Ary ny zava-nitranga dia notohizan' i Enoka ny fiantsoana ny olona rehetra, afa-tsy ny vahoakan' i Kanana, hibe-baka;

13 Ary lehibe tokoa ny "finoan' i Enoka ka nitarika ny vahokan' Andriamanitra izy ary tonga

hiady amin' izy ireo ny fahavalony; ary niteny ny tenin' ny Tompo izy dia nihorohoro ny tany ary nandositra ny ^btendrombohitra, dia araka ny didiny izany; ary ny ^drenirano dia nivily niala tamin' ny lalany, ary ny fieron' ny liona dia re avy any an-tany foana; ary ny firenena rehetra dia natahotra fatratra tokoa fa "nahery izaitsizy ny tenin' i Enoka, ary lehibe tokoa ny herin' ny fiteny izay efa nomen' Andriamanitra azy.

14 Nisy koa tany nivoaka avy tao amin' ny halalin' ny ranomasina, ary lehibe tokoa ny tahotry ny fahavalon' ny vahoakan' Andriamanitra, ka nandositra izy ireo ary nijoro teny lavitra sy nandeha niakatra ny tany izay nivoaka avy tao amin' ny halalin' ny ranomasina.

15 Ary ireo lehilahy "goavana teo amin' ny tany koa dia nijoro tany lavitra; ary nisy ozona nandeha teo amin' ny olondrehetra izay niady tamin' Andriamanitra;

16 Ary hatramin' izay fotoana izay, dia nisy ady sy fandatsahan-dra teo anivony; fa tonga ny Tompo ary niara-nonina tamin' ny vahoakany ary niaina tamimpahamarinana izy ireo.

17 Mby teo amin' ny firenendrehetra ny "fahatahorana ny Tompo fa lehibe indrindra ny voninahitry ny Tompo, izay mby teo amin' ny vahoakany.

8a 2 Ne. 26:33.

10a Mos. 6:57.

TSM Fibebahana.

11a TSM Batisa.

b TSM Fahasoavana.

d TSM Fanahy Masina.

13a TSM Finoana.

b Mat. 17:20.

d Mos. 6:34.

e TSM Hery;

Fisoronana.

15a Gen. 6:4; Mos. 8:18.

17a Eks. 23:27.

Ary ^bnotahin' ny Tompo ny tany ary izy ireo dia notahina teny an-tendrombohitra sy teny amin' ny toerana avo ka niroborobo.

18 Ary ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe i "ZIONA, satria izy ireo dia ^biray fo sy iray saina ary niaina tamim-pahamarinana; ary tsy nisy mahantra teo anivony.

19 Ary notohizan' i Enoka ny fitoriany tamim-pahamarinana tamin' ny vahoakan' Andriamanitra. Ary ny zava-nitranga tamin' ny androny dia naoriny ny tanàna izay nantsoina hoe ny Tanànan' ny Fahamasinana, dia i ZIONA.

20 Ary ny zava-nitranga dia niresaka tamin' ny Tompo i Enoka; ary hoy izy tamin' ny Tompo: Hitoetra am-pilaminana mandrakizay marina tokoa i "Ziona. Nefa hoy ny Tompo tamin' i Enoka: Ziona dia efa notahiko fa ny vahoaka sisa dia efa nozoniko.

21 Ary ny zava-nitranga dia nasehon' ny Tompo an' i Enoka ny mponina rehetra teto antany; dia nitazana izy ary indro, i Ziona, rehefa afaka elaela, fa "nakarina ho any an-danitra. Ary hoy ny Tompo tamin' i Enoka: Indro ny fonenako mandrakizay.

22 Ary i Enoka dia nahatazana koa ny vahoaka sisa izay zana-

kalahin' i Adama; ary izy ireo dia fifangaroan' ny taranak' i Adama rehetra, afa-tsy ny taranak' i Kaina, fa ny taranak' i Kaina dia "mainty ary tsy nana-na toerana teo anivon' izy ireo.

23 Ary taorian' ny nampakarana an' i Ziona ho any "andanitra, dia ^bnitazana i Enoka ary indro, ny ^dfirenena rehetra teto an-tany dia teo anoloany;

24 Dia nifandimby ireo taranaka; ary i Enoka dia ambony sy "tafasondrotra ambony, dia ao an-tratran' ny Ray sy ny an' ny Zanak' Olona; ary indro ny herin' i Satana dia tambonin' ny tany manontolo.

25 Ary hitany nidina avy any an-danitra ireo anjely; ary reny ny feo mahery nanao hoe: Loza, lozan' ny mponin' ny tany.

26 Ary tazany i Satana; ary izy dia nanana "rojo lehibe teny antanany ary izany dia nanarona ny tambonin' ny tany manontolo tamin' ny ^bhaizina; ary niandrandra izy dia nihomehy ary nifaly ny ^danjeliny.

27 Ary tazan' i Enoka ireo "anjely nidina avy any an-danitra sady ^bvavolombelona nanambara ny Ray sy ny Zanaka; ary nilatsaka tamin' ny maro ny Fanahy Masina ary izy ireo dia nakarin' ny herin' ny lanitra ho ao i Ziona.

28 Ary ny zava-nitranga dia

17b 1 Tan. 28:7–8;

1 Ne. 17:35.

18a TSM Ziona.

b Asa 4:32; Filip. 2:1–4.

TSM Firaisan-kina.

20a Mos. 7:62–63.

TSM Jerosalema

Vaovao.

21a Mos. 7:69.

22a 2 Ne. 26:33.

23a TSM Lanitra.

b TSM Fahitana.

d F&F 88:47;

Mos. 1:27–29.

24a 2 Kor. 12:1–4.

26a Almà 12:10–11.

b Isa. 60:1–2.

d Joda 1:6;

F&F 29:36–37.

27a TSM Anjely.

b TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

nijery ny vahoaka sisa ny Andriamanitry ny lanitra ary nitomany; ary i Enoka dia vavolombelona nanambara izany, nanao hoe: Manao ahoana loatra re no dia mitomany ny lanitra ary mandrotsaka ny ranomaso-ny toy ny orana eny an-tendrombohitra?

29 Ary hoy i Enoka tamin' ny Tompo: Manao ahoana loatra re no dia afaka "mitomany Ianao, nefa Ianao dia masina ary hatrizay ka ho mandrakizay?

30 Na dia ho vitan' ny olona aza ny hanisa ny poti-tany, eny, "tany an-tapitrisany tahaka ity, dia tsy mbola ny fiandohan' ny isan' ny ^bzava-boarinao akory izany; ary ny lambam-baravaranao dia mbola mikatona; kanefa dia eo Ianao ary ny tratranao dia eto; ary Ianao koa dia marina; feno famindram-po sy tsara mandrakizay;

31 Ary efa nalainao avy teo amin' ireo zava-noharianao rehetra i Ziona mba ho eo an-tratranao hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay; ary tsy misy afa-tsy "fiadanana, ^bfahitsiana ary ^dfahamarinana no fipetrahan' ny seza fiandriananao; ary famindram-po no handeha eo anoloan' ny tavanao ka tsy hanam-pahataperana; manao ahoana loatra re Ianao no dia afaka mitomany?

32 Hoy ny Tompo tamin' i Enoka: Jereo ireto rahalahinao ireto; asan' ny "tanako ireo ary nomeko azy ireo ny ^bfahalalany tamin' ny andro nahariako azy ireo; ary tao amin' ny Saha Edena no nanomezako ny olona ny ^dsafidiny;

33 Ary tamin' ny rahalahinao no efa nolazaiko, ary koa nomeko ny didy fa tokony "hifankatia izy ireo ary hifidy Ahy rainy; nefa indro tsy manam-pitiavana izy ireo ary mankahala ny iray ra aminy ihany;

34 Ary ny "afon' ny fahavini-rako dia mirehitra aminy; ary amin' ny fisendaotrako mahamay no handefasako ^bsafodrano aminy, fa ny fahatezerako mi-vaivay dia mirehitra aminy.

35 Indro, Izaho no Andriamanitra; "Lehilahin' ny Fahamasi-nana no anarako; Lehilahin' ny Torohevitra no anarako; ary Tsisy Fiafarana sy Mandrakizay dia ^banarako ihany koa.

36 Koa afaka maninjitra ny tanako Aho ary mihazona ny zava-boary rehetra efa nataoko; ary ny "masoko dia afaka maninteraka azy koa, ary amin' ny asan' ny tanako rehetra dia tsy mbola nisy ^bfaharatsiana lehibe toy izay misy eo anivon' ny rahalahinao.

37 Nefa indro, ny fahotany dia ho eo ambonin' ny lohan' ireo

29a Isa. 63:7–10.

30a F&F 76:24; Mos. 1:33.

^b TSM Fahariana.

31a TSM Fiadanana.

^b TSM Fahamarinana.

^d TSM Fahamarinana.

32a Mos. 1:4.

^b TSM Fahalalana.

^d TSM Safidy.

33a TSM Fitiavana.

34a Isa. 30:27; Naho. 1:6;

F&F 35:14.

^b Gen. 7:4, 10;

Mos. 8:17, 24.

TSM Safo-drano

tamin' ny Andron'

i Noa.

35a Mos. 6:57.

^b Mos. 1:3.

36a F&F 38:2; 88:41;

Mos. 1:35–37.

^b Gen. 6:5–6;

Mos. 8:22, 28–30.

rainy; Satana no ho rainy ary fahoriana no ho anjarany; ary ny lanitra manontolo dia hitomany noho ny aminy, dia ny asan' ny tanako rehetra koa tsy hitomany va ny lanitra mahita fa hijaly ireo?

38 Nefa indro, ireo, izay mby eo aminy ny masonao dia ho faty amin' ny safodrano; ary indro, hahiboko ireo; "tranomaizina no efa nomaniko ho an' ireo.

39 Ary "Ilay nofinidiko dia efa nitalaho teo anoloan' ny tavako. Koa Izy dia mijaly noho ny fahotan' izy ireo; raha toa izy ireo ka mibebaka amin' ny andro izay hiverenan' ny ^bNofinidiko Amiko, ary mandra-pahatongan' izany andro izany, dia "hijaly izy ireo;

40 Koa noho izany no hitomanian' ny lanitra, eny, mbamin' ny asan' ny tanako rehetra.

41 Ary ny zava-nitranga dia niresaka tamin' i Enoka ny Tompo ary niteny tamin' i Enoka ny fanao rehetra an' ny zanak' olombelona; koa nahalala i Enoka ary nibanjina ny faharatsiany sy ny fahoriany ka nitomany sy naninjitra ny tanany, ary ny "fony dia nivonto tsy nisy farany toy ny mandrakizay; ary nangotika ny kibony; ary ny mandrakizay rehetra dia nihozongozona.

42 Ary i Enoka koa dia nahita an' i "Noa sy ny ^bankohonany; fa ny taranaky ny zanakalahin'

i Noa rehetra dia hovonjena amin' ny famonjena ara-nofo;

43 Koa nahita i Enoka fa i Noa dia nanamboatra "sambofiara; ary ny Tompo dia nitsiky tamin' izany ary nihazona izany tamin' ny tanany; fa tamin' ny olondratsy sisa no nahatongavan' ny safodrano ka nitelina azy.

44 Ary raha nahita izany i Enoka dia tojo fangidiam-pahy ka nitomany noho ny amin' ny rahalahiny ary niteny tamin' ny lanitra hoe: "Holaviko ny hampiononina; fa hoy ny Tompo tamin' i Enoka: Asandra-to ny fonao dia mifalia ka jereo.

45 Ary ny zava-nitranga dia nijery i Enoka; ary nanomboka teo amin' i Noa dia tazany avokoa ireo fianakaviana teto antany; ary niantso ny Tompo izy nanao hoe: Rahoviana no ho tonga ny andron' ny Tompo? Rahoviana no halatsaka ny ran' ny Marina, ka ireo rehetra izay mitomany dia ho azo "hamasinina ary hahazo ny fiainana mandrakizay?

46 Ary hoy ny Tompo: Izany dia ho amin' ny "mitataovovonan' ny fotoana, amin' ny andron' ny faharatsiana sy ny famaliana.

47 Ary indro, hitan' i Enoka ny andron' ny fiavian' ny Zanak' Olona tao amin' ny nofo ary niravoravo ny fanahiny, nanao hoe: Voasandratra ny Marina

38a 1 Pet. 3:18–20.

TSM Helo.

39a IE ny Mpamonjy.

b Mos. 4:2; Abr. 3:27.

TSM Jesoa Kristy.

d TSM Fahamelohana.

41a Môsià 28:3.

TSM Fangorahana.

42a TSM Noa, Patriarika
ao amin' ny Baiboly.

b Mos. 8:12.

43a Gen. 6:14–16;

Etera 6:7.

44a Sal. 77:2; Etera 15:3.

45a TSM Fanamasinana.

46a Mos. 5:57.

ary voavono ny “Zanakondry hatry ny fanorenana izao tonto-lo izao; ary noho ny finoana dia ao an-tratran’ ny Ray aho ary indro, miaraka amiko i ^bZiona.

48 Ary ny zava-nitranga dia nijery ny “tany i Enoka; ary nandre feo avy ao an-kibon’ izany izy, izay nanao hoe: Loza, lozako, ilay renin’ ny olona; ory aho, sasatra aho noho ny faharatsian’ ny zanako. Rahoviana aho no ^bhiala sasatra ary hodiovana amin’ ny ^dfahalotoana izay mi-voaka avy ato amiko? Rahoviana no hanamasina ahy ny mpahary ahy mba hahazoako miala sasatra ary hitoeran’ ny fahamarinana eto amboniko mandritra ny fotoana iray?

49 Ary nony nandre ny tany nitomany i Enoka dia nitomany ary niantso ny Tompo, nanao hoe: Tompo ô, tsy hanana fangorahana ny tany va Ianao? Tsy hotahinao va ny taranak’ i Noa?

50 Ary ny zava-nitranga dia notohizan’ i Enoka ny fiantsoa-ny ny Tompo, nanao hoe: Mangataka Anaao aho Tompo ô, amin’ ny anaran’ ny Lahitokanao, dia i Jesoa Kristy, mba hamin-dranao fo amin’ i Noa sy ny taranany mba tsy hahazoan’ ny safodrano mandrakotra na oviana na oviana intsony ny tany.

51 Dia tsy naharitra ny Tompo; ary nifanaiky tamin’ i Enoka

Izy ary nianiana taminy tamin’ ny fianianana fa hajanony ny “safodrano; fa hantsoiny ireo zanakalahin’ i Noa;

52 Ary nandefa didy tsy azo ovaina Izy fa ny “sisa tavela amin’ ny taranany dia ho hita mandrakariva any anivon’ ny firenen-drehetra raha mbola mitoetra koa ny tany;

53 Ary hoy ny Tompo: Hota-hina anie izy izay avy amin’ ny taranany no hiavian’ i Mesia; fa hoy izy—Izaho no “Mesia, ny ^bmpanjakan’ i Ziona, ny ^dVatolampin’ ny Lanitra izay malalaka toy ny mandrakizay; na zovy na zovy no tonga eo amin’ ny vavahady sy ^emianika eo Amiko dia tsy ho lavo na oviana na oviana; koa sambatra ireo izay efa noteneniko ny amin’ izy ireo, fa ireo no hivoaka miaraka amin’ ny ^fhiran’ ny fifaliana maharitra mandrakizay.

54 Ary ny zava-nitranga dia niantso ny Tompo i Enoka, nanao hoe: Rehefa tonga ao amin’ ny nofo ny Zanak’ Olona, moa va hitsahatra ny tany? Ilangaviako Ianao, asehoay ahy izany zavatra izany.

55 Ary hoy ny Tompo tamin’ i Enoka: Jereo, dia nijery izy ka nahatazana ny “Zanak’ Olona nasandratra teo amin’ ny ^bhazofijaliana, araka ny fomban’ olombelona;

47a TSM Zanakondrin’
Andriamanitra.

b Mos. 7:21.

48a TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

b Mos. 7:54, 58, 64.

d TSM Fahalotoana.

51a Sal. 104:6–9.

52a Mos. 8:2.

53a TSM Mesia.

b Mat. 2:2; 2 Ne. 10:14;

Almà 5:50;

F&F 128:22.

d Sal. 71:3; 78:35;

Hel. 5:12.

TSM Vatolampy.

e 2 Ne. 31:19–20.

f TSM Mozika.

55a TSM Zanak’ Olona.

b 3 Ne. 27:14.

TSM Fanomboana.

56 Ary nandre feo mahery izy; ary nosaronana ny lanitra; ary nitomany ny voarin' Andriamanitra rehetra; ary "nitaraina ny tany; ary nitresaka ny vatolampy; ary ^bnitsangana ireo olomasina ka ^dnosatrohina satroboninahitra teo an-"tanana ankavanan' ny Zanak' Olona;

57 Ary ny "fanahy rehetra tao ^ban-tranomaizina dia nivoaka ary nijoro teo an-tanana ankavanan' Andriamanitra; ary ny sisa dia natokana tao amin' ny gadran' ny haizina mandra-pahatongan' ny fitsaran'ny andro lehibe.

58 Dia nitomany indray i Eno-ka ka niantso ny Tompo, nanao hoe: Rahoviana vao hitsahatra ny tany?

59 Ary i Eno-ka nahatazana ny Zanak' Olona niakatra ho any amin' ny Ray; dia niantso ny Tompo izy, nanao hoe: Moa tsy ho avy indray eto an-tany va Ianao? Satria Andriamanitra Ianao, ary fantatro Ianao, ary efa nianiana tamiko Ianao ary nandidy ahy hangataka amin' ny anaran' ny Lahitokanao; efa nanao ahy Ianao ary nomenao ahy ny zo ho amin' ny seza fian-driananao, ary tsy avy amiko izany fa noho ny fahasoavanao; noho izany dia manontany

Anao aho raha tsy ho avy indray eto an-tany Ianao.

60 Ary hoy ny Tompo tamin' i Eno-ka: Toy ny mahavelona Ahy, dia toy izany koa no hia-viako amin' ny "andro farany, amin' ny andron' ny faharatsiana sy ny famaliana mba hanatanteraka ny fianianana izay efa nataoko taminao momba ny zanak' i Noa;

61 Ary ho avy ny andro izay "hitsaharan' ny tany saingy, mialohan' izany andro izany dia ^bhohamazinina ny lanitra ary ny "voalin' ny haizina dia hanarona ny tany; ary hihozongozona ny lanitra, ary koa ny tany; ary fahoriana be no hanjo ny zanak' olombelona, fa ny oloko kosa dia "hotsimbiniko;

62 Ary "fahamarinana no hai-diko avy any an-danitra; ary ny ^bmarina no halefako avy eto ^dan-tany mba ho "vavolombelona manambara ny Lahitokako; ny "fitsanganany tamin' ny maty; eny, ary koa ny fitsanganany ny olon-drehetra amin' ny maty, ary fahamarinana sy marina no hasaiko mipaoka ny tany toy ny amin' ny tondra-drano, ka "hanangona ny olom-boafidiko avy amin' ny vazan-tany efatra ho amin' ny toerana izay homa-niko, ny Tanàna Masina, mba

56a Mat. 27:45, 50–51.

b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

d TSM Satroboninahitra; Fisandratana.

e Mat. 25:34.

57a TSM Fanahy.

b F&F 76:71–74; 88:99.

60a TSM Andro Farany.

61a TSM Tany—Toetra

faran' ny tany.

b F&F 38:11–12; 112:23.

d TSM Voaly.

e 1 Ne. 22:15–22;

2 Ne. 30:10.

62a Sal. 85:11.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

b TSM Bokin' i

Môrmôna.

d Isa. 29:4.

e TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

f TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

g TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

hahazoañ ny oloko misikina ny valahany ary miandrandra ny fotoana hiaviako; fa eo no ho tabernakeliko ary hatao hoe i Ziona izany, dia ^bJerosalema Vaovao.

63 Ary hoy ny Tompo tamin' i Enoka: Amin' izay no hihaonanao sy ny ^atanànanao rehetra aminy eo ary ho raisintsika ho eo an-tratrantsika izy ireo, dia ho hitany isika; ary hofihiniñsika ny vozony, dia hofihiniñy ny vozontsika ka hifanoroka isika;

64 Ary ho eo ny fonenako ary izany no ho Ziona izay hivoaka avy amin' ny voary rehetra izay efa nataoko; ary mandritra ny ^aarivo taona, dia ^bhitsahatra ny tany.

65 Ary ny zava-nitranga dia hitan' i Enoka ny andron' ny ^afiavian' ny Zanak' olona amin' ny andro farany, mba hitoetra eto an-tany amim-pahamarinana mandritra ny arivo taona;

66 Saingy talohan' izany andro izany dia nahita fahorianana be teo anivon' ny olon-dratsy izy; ary nahita ny ranomasina koa izy fa nisamboaravoara izany, ary ^areraka ny fon' ny olona, miandrandra amin-tahotra ny ^bfiavian' Ilay Andriamanitra Tsitoha, izay hihatra amin' ny olon-dratsy.

67 Ary nasehon' i Tompo an' i Enoka ny zava-drehetra, na dia

hatrany amin' ny fiasaran' izao tontolo izao aza; ary nahita ny andron' ny olo-marina izy, ny oran' ny fanavotana azy ireo ka nandray ny fahafenoan' ny ^afifaliana;

68 Ary ny andron' i ^aZiona rehetra tamin' ny andron' i Enoka dia dimy amby enimpolo sy telonjato taona.

69 Ary i Enoka sy ny vahoakan' rehetra dia ^aniara-nandeha tamin' Andriamanitra, ary nitotra teo afovoan' i Ziona Izy; ary ny zava-nitranga dia tsy teo intsony i Ziona, satria noraisin' Andriamanitra ho eo an-tratran' izany; ary hatramin' izay fotoana izay no nielezan' ny fiteny hoe: LASA I ZIONA.

TOKO 8

(Febroary 1831)

Naminany i Metosela—Nitory ny filazantsara i Noa sy ny zanakalahiny—Nanjaka ny faharatsiana lehibe—Tsy noraharahaina ny fiantsoana mba hibe-baka—Nodidian' Andriamanitra ny fandravana ny nofo rehetra amin' ny Safo-drano.

ARY ny andro rehetra niainan' i Enoka dia telopolo sy efajato taona.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy nalaina i ^aMetosela zanakalahin' i Enoka mba hahatanteraka ireo

62h TSM Jerosalema Vaovao.

63a Fan. 21:9–11;
F&F 45:11–12;
Mos. 7:19–21.

64a TSM Arivotaona.
b Mos. 7:48.

65a Joda 1:14.

TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

66a Isa. 13:6–7.

b TSM Fitsarana
Farany, Ny.

67a TSM Fifaliana.

68a Gen. 5:23; Mos. 8:1.

69a Gen. 5:24; Mos. 6:34.
TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

8 2a TSM Metosela.

fanekempihavanan' ny Tompo, izay nataony tamin' i Enoka; fa nifanaiky marina tokoa tamin' i Enoka Izy fa i Noa dia hateraky ny kibony.

3 Ary ny zava-nitranga dia naminany i Metosela fa avy ao ankibony no hivoahan' ny fanjakana rehetra eto an-tany (amin' ny alalan' i Noa) ary nirehareha ny amin' ny tenany izy.

4 Ary tonga teo amin' ny tany ny mosary lehibe ary nanozona ny tany tamin' ny ozona mahatsiravina ny Tompo ka maro tamin' ny mponiny no maty.

5 Ary ny zava-nitranga dia fito amby valopolo amby zato taona no andro niainan' i Metosela, raha niteraka an' i Lameka izy;

6 Ary ny andro niainan' i Metosela taorian' ny niterahany an' i Lameka dia roa amby valopolo sy fitonjato taona, ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy;

7 Ary ny andro rehetra niainan' i Metosela dia sivy amby enimpolo sy sivinjato taona, dia maty izy.

8 Ary roa amby valopolo amby zato taona no andro niainan' i Lameka, raha niteraka zazalahy izy,

9 Ary izy dia nanao ny anarany hoe "Noa, sady niteny hoe: Ity zazalahy ity no hampionona antsika amin' ny asantsika sy ny fisasaran' ny tanantsika noho

ny tany izay efa ^bnozonin' ny Tompo.

10 Ary ny andro niainan' i Lameka taorian' ny niterahany an' i Noa dia dimy amby sivifolo sy dimanjato taona, ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy;

11 Ary ny andro niainan' i Lameka dia fito amby fitopolo sy fitonjato taona, dia maty izy.

12 Ary feno dimampolo sy efajato taona i Noa raha ^aniteraka an' i Jafeta; ary roa amby efapolo taona taorian' izay, dia niteraka an' i ^bSema tamin' ilay vehivavy renin' i Jafeta, ary nony feno dimanjato taona izy dia niteraka an' i ^cHama.

13 Ary ^aniainao ny Tompo i ^bNoa sy ny zanakalahiny ka nitandrina, ary izy ireo dia natao hoe ^czanak' Andriamanitra.

14 Ary rehefa nanomboka nihamaro tambonin' ny tany ireo lehilahy ireo ary niteraka zazavavy, dia hitan' ny ^azanak' olombelona fa tsara tarehy ireo zazavavy ireo ka nalainy ho vadiny araka izay nofinidiny.

15 Ary hoy ny Tompo tamin' i Noa: Ireo zazavavin' ny zanakalahinao dia efa ^anivaro-tena; fa indro mirehitra amin' ny zanak' olombelona ny fahatezerako, satria tsy te hihaino ny feoko izy ireo.

16 Ary ny zava-nitranga dia maminany i Noa ary nampianatra ny zavatr' Andriamanitra,

9a TSM Noa, Patriarika
ao amin' ny Baiboly.
b Mos. 4:23.
12a Gen. 5:32.
TSM Jafeta.
b TSM Sema.

d TSM Hama.
13a TSM Mankatò.
b F&F 138:41.
TSM Gabriela.
d TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin'

Andriamanitra.
14a Mos. 5:52.
15a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian' ny
samy hafa finoana.

dia toy izay efa nisy hatrany am-piandohana.

17 Ary hoy ny Tompo tamin' i Noa: Tsy “hiara-miady amin' ny olona mandrakariva ny Fanahiko, satria ho fantany fa ho faty ny ^bnofo rehetra; kanefa dia ho roapolo amby zato taona ny androny; ary raha tsy mibebaka ny olona dia halefako eo aminy ny ^dsafo-drano.

18 Ary tamin' izany andro izany, dia nisy teo amin' ny tany ireo “olona goavam-be, ary notadiaviny i Noa hanalany ny ainy; saingy niaraka tamin' i Noa ny Tompo ary nomba azy ny ^bherin' ny Tompo.

19 Ary “nanokana an' i ^bNoa araka ny ^dlaminy ny Tompo ary nandidy azy handeha sy “hanambara ny Filazantsarany amin' ny zanak' olombelona, dia toy ny nanomezana izany an' i Enoka.

20 Ary ny zava-nitranga dia niantso ny zanak' olombelona “hibebaka i Noa; saingy tsy nohenoin' izy ireo ny teniny;

21 Ary koa, taorian' ny nandrenesan' izy ireo azy, dia tonga teo anoloany izy ireo, nanao hoe: Indro, izahay dia zanak' Andriamanitra; tsy efa nalainay ho an' ny tenanay va ireo

zazavavin' ny olona? Ary moa va izahay tsy “mihinana sy misotro ary mampaka-bady sy mamoka ny ampakarina? Ary miteraka aminay ny vadinay ary ny zanakay dia lehilahy mahery, toy ireo lehilahy fahiny, lehilahy nalaza be. Dia tsy nohenoiny ny tenin' i Noa.

22 Ary hitan' Andriamanitra fa be ny “faharatsian' ny olona teto an-tany; ary ny olona tsirairay dia tafasondrotra tao amin' ny ^bfisaintsainan' ny fony izay tsy inona fa ny ratsy lalandava.

23 Ary ny zava-nitranga dia notohizan' i Noa ny “fitoriany tamin' ny vahoaka, nanao hoe: Mihainoa ary mampandria sofin' amin' ny teniko;

24 “Minoa dia mibebaha amin' ny fahotanareo, ary aoka ^bhatao batisa amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra, toy ireo raintsika, dia handray ny Fanahy Masina ianareo, mba hahazoana “maneho ny zavatra rehetra aminareo; ary raha tsy manao izany ianareo dia ho tonga aminareo ny safo-drano; kanefa dia tsy nihaino izy ireo.

25 Dia azon' ny nenina i Noa ary naharary ny fony noho ny nanaovan' ny Tompo ny olona

17a Gen. 6:3;
2 Ne. 26:11;
Etera 2:15;
F&F 1:33.
b 2 Ne. 9:4.
TSM Nofo.
d Gen. 7:4, 10;
Mos. 7:34.
18a Gen. 6:4;
Nom. 13:33;
Jos. 17:15.

b TSM Hery.
19a F&F 107:52.
TSM Manokana.
b Abr. 1:19.
d TSM Fisoronana
Melkizedeka.
e TSM Asa Fitoriana.
20a TSM Fibebahana.
21a Mat. 24:38–39;
JS—M 1:41.
22a Gen. 6:5;

Mos. 7:36–37.
b Môsià 4:30;
Almà 12:14.
TSM Eritreritra.
23a TSM Mitory.
24a TSM Finoana.
b TSM Batisa—Toetra
takiana amin' ny
batisa.
d 2 Ne. 32:2–5.

teto an-tany, ary naratra ny tao am-pony.

26 Ary hoy ny Tompo: “Hofongorako eto ambonin’ ny tany ny olona izay efa nohariko, na olona na biby, sy ny zava-mandady ary ny voron’ ny habakabaka; fa manenina i Noa noho ny efa nahariako azy ireo sy noho ny efa nanaovako azy ireo; ary efa niantso Ahy izy; fa efa nikatsaka ny hanala ny ainy izy ireo.

27 Ary dia toy izany no nahitan’ i Noa “sitraka teo imason’ ny Tompo; fa lehilahy marina i Noa ary ^bfanaperana teo amin’ ny taranany; ary ^dniara-nandeha

tamin’ Andriamanitra izy, ary toy izany koa no nataon’ ireo zanany telo lahy, i Sema, i Hama ary i Jafeta.

28 “Ratsy ny tany teo anoloan’ Andriamanitra, sady feno herisetra.

29 Dia nijery ny tany Andriamanitra ka hitany fa ratsy izany fa samy efa nania tamin’ ny lalany avy ny nofo rehetra teto an-tany.

30 Ary hoy ny Tompo tamin’ i Noa: Ny fiafaran’ ny nofo rehetra dia efa tonga eo anoloako, fa feno herisetra ny tany, ary indro “hofongoriko eto ambonin’ ny tany ny nofo rehetra.

26a TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
27a TSM Fahasoavana.

^b Gen. 6:9.
^d TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka

amin’ Andriamanitra.
28a Gen. 6:11–13.
30a F&F 56:3.

TAHADIKA AVY AMIN' NY BOKIN' I ABRAHAMA

No.1



FANAZAVANA

Sary 1. Ny Anjelin' ny Tompo.

Sary 2. Abrahama nifatotra teo amin' ny alitara.

Sary 3. Ny mpisorona mpanompo sampin' i Elkenà, nanandrana hanatitra an' i Abrahama ho fanatitra.

Sary 4. Ny alitara ho an' ny fanatitra ataon' ireo mpisorona mpanompo sampy dia mijoro eo anoloan' ireo andriamanitr' i Elkenà, andriamanitr' i Libnà, andriamanitr' i Mamakrà, andriamanitr' i Kôrasa ary andriamanitr' i Farao.

Sary 5. Ny andriamanitra sampin' i Elkenà.

Sary 6. Ny andriamanitra sampin' i Libnà.

Sary 7. Ny andriamanitra sampin' i Mamakrà.

Sary 8. Ny andriamanitra sampin' i Kôrasa.

Sary 9. Ny andriamanitra sampin' i Farao.

Sary 10. Abrahama tany Egypta.

Sary 11. Nokendrena mba haneho ny andrin' ny lanitra araka ny fahazoan' ny Egyptiana azy.

Sary 12. Raokianga, izay midika hoe velarana na habakabaka eo ambonin' ny lohantsika; saingy eto amin' ity lafin-javatra ity, ny hevitra nomen' ny Egyptiana azy dia ny hoe Saomao, na ny avo, na ny lanitra, ary mitovy amin' ny teny Hebreo hoe Saomahiema.

NY BOKIN' I ABRAHAMA

NADIKAN' I JOSEPH SMITH AVY TAMIN' NY PAPIROSY

Fandikana an' ireo Rakitsoratra tranainy sasantsasany izay tonga teo an-tananay ary avy any amin' ireo zohim-pasan' i Egypta. Ireo asa soratr' i Abrahama, raha mbola tany Egypta izy, izay atao hoe ny Bokin' i Abrahama, dia nosoratan' ny tanany ihany tamin' ny papirosy. (History of the Church, 2:235–236, 348–351.)

TOKO 1

Nokatsahin' i Abrahama ireo tso-dranon' ny lamina patriarikaly — Nenjehin' ireo mpisorona sandoka tao Kaldea izy — Novonjen' i Jehovah izy — Fijerena indray ny niandohana sy ny governemantan' i Egypta

TEO amin' ny tanin' ny "Kaldeana, tao amin' ny fonenan' ireo razako, izaho ^bAbrahama dia nahita fa nilaina tamiko ny mahazo toerana iray hafa ho ^dtoeram-ponenana;

2 Ary noho ny fahitana fa nisy ^afahasambarana sy fiadanana ary ^bfitsaharana bebe kokoa ho ahy tamin' izany, dia nokatsahiko ny fitahian' ireo ray sy ny zo izay tokony hanokanana ahy mba hizakako izany; noho ny tenako efa mpandala ny ^dfahamarinana sady naniry koa ny ho isan' izay nanam-^epahalalana be sy ny ho mpandala bebe kokoa ny fahamarinana sy ny hanam-pahalalana bebe kokoa hatrany ary

ny ho rain' ny firenena maro, ny ho printsin' ny fiadanana, sady naniry ny handray toromarika sy ny hitandrana ny didin' Andriamanitra, dia nanjary mpan-dova ara-dalana aho, ^fMpisorona Avo mihazona ny ^gzo nananan' ireo ray.

3 Izany dia "natolotra ahy avy tamin' ireo ray; nidina avy tamin' ireo ray izany, hatrany amin' ny fiandohan' ny fotoana, eny, hatramin' ny fiandohana na talohan' ny fanorenana ny tany, ka hatramin' izao fotoana izao, dia ny zon' ny ^blahimatoa, na ny lehilahy voalohany, izay i ^dAdama, na ny ray voalohany, nandalo tamin' ireo ray ka hatraty amiko.

4 Nokatsahiko ny ^afanendrena ahy ho amin' ny Fisoronana araka ny fanendren' Andriamanitra ho an' ireo ray momba ny taranaka.

5 Noho ireo ^araiko efa nivily niala tamin' ny fahamarinany sy tamin' ny didy masina izay efa nomen' ny Tompo Andria-

1 ^{1a} TSM Ora.

^b TSM Abrahama.

^d Asa 7:2–4.

2 ^a TSM Fifaliana.

^b TSM Fitsaharana.

^d TSM Fahamarinana.

^e F&F 42:61.

TSM Fahalalana.

^f TSM Mpisorona Avo.

^g TSM Fisoronana

Melkizedeka.

3 ^a F&F 84:14.

^b F&F 68:17.

TSM Lahimatoa.

^d Mos. 1:34.

TSM Adama.

4 ^a TSM Fizokiana.

5 ^a Gen. 12:1.

maniny azy ireo ka ^bnidera ireo andriamanitry ny mpanompo sampy, dia notsipahiny tante-raka ny hihaino ny feoko;

6 Fa ny fony dia nivonona ny hanao ratsy ary niraikitra tanteraka tamin' ny ^aandriamanitr' i Elkenà sy ny andriamanitr' i Libnà ary ny andriamanitr' i Mamakrà sy ny andriamanitra Korasa ary ny andriamanitr' i Farao, mpanjakan' i Egypta;

7 Koa izy ireo dia nampitodika ny fony tany amin' ny soron' ny mpanompo sampy, tamin' ny fanaterana ny zanany ho sorona tamin' ireo sampy moana, ka tsy nihaino ny feoko fa niezaka ny hanala ny aiko kosa tamin' ny alalan' ny tanan' ny mpisoron' i Elkenà. Ny mpisoron' i Elkenà dia mpisoron' i Farao ihany koa.

8 Ary tamin' izay fotoana izay, dia fomban' ny mpisoron' i Farao, mpanjakan' i Egypta, ny manatitra lehilahy, vehivavy ary ankizy ho fanatitra ho an' ireo andriamani-kafa eo amin' ny alitara izay naorina teo amin' ny tanin' i Kaldea.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanao fanatitra ho an' andriamanitr' i Farao, ary koa ho an' andriamanitr' i Sagrila, araka ny fomban' ny Egyptiana, ny mpisorona. Ankehitriny ny andriamanitr' i Sagrila dia ny ma-soandro.

10 Ary nataon' ny mpisoron' i Farao na dia ny fanaterana ankizy ho fanati-tsaotra aza, teo amin' ny alitara izay nijoro teo

akaikin' ny havoana natao hoe Havoanan' i Potifara, teo andohasahan' i Olisema.

11 Ankehitriny ity mpisorona ity dia efa nanatitra teo amin' ny alitara virijiny telo indray miaraka, izay zanakavavin' i Onità, anankiray amin' ny taranak' andriana avy amin' ny naloaky ny kibon' i ^aHama mivantana. Ireo virijiny ireo dia naterina noho ny fahadiovany, ary izy ireo dia tsy nety ^bniankohoka mba hitsaoka ireo andriamanitra hazo na vato, koa novonoina teo ambonin' io alitara io izy ireo, ary izany dia natao araka ny fomban' ny Egyptiana.

12 Ary ny zava-nitranga dia nampiasa herisetra tamiko ireo mpisorona, mba hahazoany mamono ahy koa tahaka ny nataony tamin' ireo virijiny teo ambonin' io alitara io; ary mba hahazoanareo fahalalana ny amin' io alitara io, dia nangataka anao aho hijery ny sary eo amin' ny fiandohan' ity rakitsoratra ity.

13 Izany dia natao araka ny endrika farafara, toy izay nisy teo anivon' ny Kaldeanina, ary napetraka teo anoloan' ireo andriamanitr' i Elkenà, i Libna, i Mamakrà, i Korasa, ary koa ny andriamanitra tahaka ny an' i Farao, mpanjakan' i Egypta.

14 Mba hahazoanareo sary antsaina ny amin' ireo andriamanitra ireo, dia nomeko anareo ny sariny eo amin' ireo kisarisary eo am-piandohana, izay tarehina kisarisary nantsoin' ny

5b TSM Fanompoan-tsampy.

6a IE ireo andriamanitra

diso, araka ny voalaza ao amin' ny Tahadika no. 1 an'

ny bokin' i Abrahama.

11a TSM Hama.

b Dan. 3:13-18.

Kaldeanina hoe ny Ralenôsy, izay midika hoe hierôgilifa.

15 Ary raha nanainga ny tanany izy ireo mba hamely ahy, hahazoany manatitra ahy sy manala ny aiko, dia indro, nandratra ny feoko tamin' ny Tompo Andriamanitra aho, ary ny Tompo dia "nihaino sy nandre ka nameno ahy tamin' ny fahitana ny Tsitoha, ary ny anjelin' ny tavany dia nijoro teo akaikiko ka ^bnamaha avy hatrany ny fatorako;

16 Ary hoy ny feony tamiko: Abrahama, Abrahama, indro, Jehovah no "anarako, ary efa nandre anao Aho ary nidina hanafaka anao sy haka anao hiala amin' ny tranon-drainao ary hiala amin' ny havanao rehetra hankamin' ny ^btany vahiny izay tsy fantatrao;

17 Ary izany dia noho izy ireo efa namily ny fony hiala Tamiko mba hidera ny andriamanitr' i Elkenà sy ny andriamanitr' i Libnà ary ny andriamanitr' i Mamakrà sy ny andriamanitr' i Kôrasa ary ny andriamanitr' i Farao, mpanjakan' i Egipta; koa efa nidina Aho hamaly azy ireo ary hamongotra izay efa nanainga ny tanany hamely anao, mba hanala ny ainao Abrahama zanako.

18 Indro, Izaho no hitantana anao amin' ny tanako sy haka anao ka hampitondra anao ny anarako, dia ny "Fisoronan' ny

rainao, ary ho eo aminao ny heriko.

19 Toy ny tamin' i Noa, dia ho toy izany koa aminao; fa amin' ny alalan' ny asa fanompoanao no hahafantarana mandrakizay ny "anarako eto an-tany, fa Izaho no Andriamanitrao.

20 Indro, ny havoan' i Potifara dia tao amin' ny tanin' i "Oran' i Kaldea. Ary nandrodana ny alitaran' i Elkenà sy ny an' ireo andriamanitry ny tany ny Tompo ka nandrava azy ireny tanteraka, ary namely ny mpi-sorona ka maty izy; dia nisy fitomaniana lehibe tao Kaldea, ary koa tao an-dapan' i Farao, dia Farao izay midika hoe: mpanjaka araka ny firazanan' andriana.

21 Ankehitriny ity mpanjakan' i Egipta ity dia tamingan' ireo naloaky ny kibon' i "Hama ary iray ra amin' ireo ^bKananita ara-pahaterahana.

22 Avy amin' izany firazanana izany no nipoiran' ny Egyptiana rehetra, ary dia toy izany no nitsimbinana ny ran' ny Kananita teo amin' ny tany.

23 Ny nahita voalohany ny tanin' i "Egipta dia vehivavy iray izay zanakavavin' i Hama sy zanakavavin' i Egyptosa izay midika ho Egipta amin' ny Kaldeana, izay midika hoe izay voarara;

24 Fony ity vehivavy ity nahita ny tany, dia safotry ny rano

15a Môsià 9:17-18.

^b Abr. 2:13.

16a TSM Jehovah.

^b TSM Tany

Nampanantenaina.

18a TSM Fisoronana.

19a Gen. 12:1-3.

20a Gen. 11:28; Abr. 2:4.

21a Gen. 10:6; Sal. 78:51;

Mos. 8:12.

^b Mos. 7:6-8.

TSM Kananà,

Kananita.

23a TSM Egipta.

izany, ary taorian' izany dia nampitoeriny teo ny zanakalahiny; ary dia toy izany, hatramin' i Hama, no nipoiran' ity taranaka ity izay nitahirany ny ozona teo amin' ny tany.

25 Ankehitriny ny governemanta voalohany tao Egypta dia natsangan' i Farao, ny lahimatoan' i Egyptosa, ilay zanakavavin' i Hama, ary izany dia araka ny fomban' ny governemantan' i Hama izay an' ny patriarika.

26 Farao, lehilahy marina, dia nanangana ny fanjakany sy nitsara ny vahoakany tamimpahendrena sy araka ny hitsiny tokoa tamin' ny androny rehetra, sady nikatsaka fatratra ny haka tahaka an' ilay lamina naorin' ireo ray tao amin' ny taranaka voalohany, tamin' ny andron' ny fanjakan' ny patriarika voalohany, dia tamin' ny nanjakan' i Adama, ary koa i Noa rainy izay nitso-drano azy tamin' ny "tsodranon' ny tany sy tamin' ny tsodranon' ny fahendrena, fa nanazona azy kosa raha ny momba ny Fisoronana.

27 Ankehitriny dia avy amin' izany firazanana izay tsy ahazoany ny zon' ny "Fisoronana izany i Farao, na dia teo aza ny fihamboan' ireo Farao mafy ho nahazo izany tamin' i Noa, tamin' ny alalan' i Hama, koa sodokan' ny fanompoan-tsampin' izy ireo ny raiko;

28 Fa hiezaka aho hatramin' izao ny hanoritsoritra ny tantara, hatreo amin' ny tenako ka

mianotra hatrany amin' ny fiandohan' ny fahariana, fa efa eto am-pelatanako ireto "rakitsoratra izay efa notanako hatramin' izao fotoana izao ireto.

29 Ankehitriny, nony efa voa ilay mpisoron' i Elkenà ka maty, dia tonga ny fahatanterahan' ireo zavatra izay nolazaina tamiko momba ny tanin' i Kaldea, fa hisy mosary eo amin' ny tany.

30 Araka izany, dia nanjaka nanerana ny tanin' i Kaldea manontolo ny mosary, ary nijaly mafy tokoa ny raiko noho ny mosary ka nibebaka tamin' ny ratsy izay efa novolavolainy hamelezana ahy, hanalana ny "aiko.

31 Fa ny rakitsoratr' ireo ray, dia ireo patriarika, momba ny zon' ny Fisoronana, dia notehirizin' ny Tompo teo an-tanako; koa ny fahalalana ny amin' ny fiandohan' ny fahariana, ary koa ny amin' ny "planeta sy ny amin' ny kintana, toy ny nampahalalana ireo ray izany, dia efa notanako hatramin' ny anio, ary hiezaka aho ny hanoratra ny sasantsasany amin' ireny zavatra ireny eo amin' ity rakitsoratra ity, ho tombontsoan' ny taranako izay handimby ahy.

TOKO 2

Nandao an' i Ora i Abrahama ary nankany Kanana — Niseho taminy tao Harana i Jehovah — Ireo fitahian' ny filazantsara rehetra dia

26a TSM Fitahiana.
27a F&F OD-2.
TSM Fisoronana.

28a Mos. 6:5.
TSM Bokim-
pahatsiarovana.

30a Abr. 1:7.
31a Abr. 3:1–18.

nampanantenaina ny taranany ary amin' ny alalan' ny taranany ho an' ny rehetra—Nandeha nankany Kanana izy ary nanohy hatrany Egipta.

ANKEHITRINY dia nataon' ny Tompo Andriamanitra nihamafy ny mosary teo amin' ny tanin' i Ora, hany ka maty i ^aHarana rahalahiko; fa i ^bTera raiko kosa dia mbola nonina teo amin' ny tanin' i Oran' ny Kaldeana.

2 Ary ny zava-nitranga dia nalaiko izaho Abrahama ho vady i ^aSaray, ary ^bNahora rahalahiko dia naka an' i Milka izay zanakavavin' i Harana ho vady.

3 Ankehitriny dia efa ^aniteny tamiko ny Tompo hoe: Ry Abrahama, mandehana miala amin' ny taninao sy ny havanao ary ny tranon' ny rainao hankany amin' ny tany izay hasehoko anao.

4 Koa nilaozako hankany amin' ny tany Kanana ny tanin' i ^aOran' ny Kaldeana; dia nalaiko i Lota zana-drahalahiko sy ny vadiny ary i Saray vadiko; ary ny ^braiko koa dia nanaraka ahy hankany amin' ny tany izay nataonay hoe: Harana.

5 Ary nihena ny mosary; ary nijanona tao Harana ny raiko ka nonina tao, satria nisy andiana

biby fiompy betsaka tao Harana; ary niverina indray tany amin' ny ^afanompoan-tsampiny ny raiko, koa dia nonina tao Harana izy.

6 Fa izaho Abrahama sy i ^aLota zana-drahalahiko dia nivavaka tamin' ny Tompo, ary ^bniseho tamiko ny Tompo ary nanao tamiko hoe: Mitsangàna ary raiso i Lota hiaraka aminao; fa efa nikasa ny haka anao hiala ao Harana Aho ka hahatonga anao ho mpanompo hitondra ny ^danarako any amin' ny ^etany vahiny izay homeko ho an' ny taranakao any aorianao ho lova maharitra mandrakizay, rehefa mihaino ny feoko izy.

7 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrao; mitoetra any an-danitra Aho; ny tany no ^afitoeran-tongotro; maninjitra ny tanako eo amin' ny ranomasina Aho, dia mankatò ny feoko izany; mahatonga ny rivotra sy ny afo ho ^bkalesiko Aho; lazaiko amin' ny tendrombohitra hoe—Mialà eto—ary indro entin' ny tadio izany, amin' ny indray mipi-maso, tampoka.

8 ^aJehovah no anarako, ary ^bfantatro hatramin' ny voalohany ny farany; koa homba anao ny tanako.

9 Ary Izaho hahatonga anao

2 1a Gen. 11:28.

b Gen. 11:24-26;

1 Tan. 1:26.

2a Gen. 11:29.

TSM Saraha.

b Gen. 11:27; 22:20-24.

3a Gen. 12:1; Asa 7:1-3.

4a Neh. 9:7.

b Gen. 11:31-32.

5a Jos. 24:2.

6a TSM Lota.

b Gen. 17:1.

TSM Jesoa Kristy—

Fisian' i Kristy

talohan' ny

nahatongavany

teto an-tany.

d Gen. 12:2-3;

Abr. 1:19.

e Gen. 13:14-15; 17:8;

Eks. 33:1.

TSM Tany

Nampanantenaina.

7a 1 Ne. 17:39; F&F 38:17.

8 Isa. 66:15-16.

8a TSM Jehovah.

b TSM Heni-pahalalana.

ho firenena lehibe, ary “hitahy anao izaitsizy Aho ka hahaton-ga ny anaranao ho lehibe any anivon’ ny firenen-drehetra, ary ianao dia ho fitahiana ho an’ ny taranakao any aorianao, ka eo an-tanany no hitondrany ity asa fanompoana ity sy ny ^bFisoronana ho any amin’ ny firenen-drehetra;

10 Ary Izaho hitahy azy ireo amin’ ny anaranao; fa izay rehetra mandray ity “Filazantsara ity dia hantsoina araka ny anaranao ary hisaina ho isan’ ny ^btaranakao, ka hitsangana sy hitso-drano anao ho toy ny ^arainy;

11 Ary Izaho “hitahy izay mitso-drano anao ary hanozona izay manozona anao; ary ao aminao (izany hoe, ao amin’ ny Fisoronanao) sy ao amin’ ny ^btaranakao (izany hoe, ny Fisoronanao), satria omeko anao ny fampanantenana fa io ^azo io dia hitohy ao aminao sy ao amin’ ny taranakao avy aorianao (izany hoe raha lazaina, ny taranaka ara-bakiteny, na ny taranaka ara-nofo) no hitahiana ny fianakaviana rehetra eto an-tany, dia amin’ ny fitahian’ ny Filazantsara, izay fitahian’ ny famonjena, dia ny fiainana mandrakizay.

12 Ankehitriny rehefa avy niresaka tamiko ny Tompo ka nisintona ny tavany hiala ahy, dia hoy aho anakampo: Ny mpanomponao dia efa “nitady Anao tamin-kafanam-po tokoa; ankehitriny dia hitako Ianao;

13 Ianao no naniraka ny anjelinao “hanafaka ahy tamin’ ireo andriamanitr’ i Elkenà, ary tena mety amiko ny mihaino ny feonao, koa aoka hitsangana ny mpanomponao ary hiainga amim-piadanana.

14 Koa izaho Abrahama dia niainga araka izay efa nolazain’ ny Tompo tamiko, ary niaraka tamiko i Lota; ary izaho Abrahama dia feno “roa amby enimpolo taona raha niainga niala an’ i Harana.

15 Dia naka an’ i “Saray aho, izay nalaiko ho vady fony aho tao ^bOra, tao Kaldea, sy i Lota zana-drahalahiko ary ny fanananay rehetra izay efa voangonay mbamin’ ireo olona izay efa ^aazonay tao Harana ary dia nizotra ny dianay nankany amin’ ny tany “Kanana, ka nitoetra tao anaty lay izahay nandritra ny dianay;

16 Koa ny mandrakizay no firakotray sy “vatolampinay ary famonjena anay, raha niainga avy tao Harana, tamin’ ny lalan’

9a 1 Ne. 17:40;
2 Ne. 29:14;
3 Ne. 20:27;
Môrm. 5:20.
TSM Abrahama—Ny taranak’ i Abrahama.
b F&F 84:17–19;
Mos. 6:7.
TSM Fisoronana Melkizedeka.

10a Gal. 3:7–9.
b Gen. 13:16;
Gal. 3:29;
2 Ne. 30:2.
d TSM Patriarika.
11a TSM Fanekepihavanan’ i Abrahama.
b Isa. 61:9.
d TSM Fizokiana; Isiraely; Fisoronana.

12a F&F 88:63.
13a Abr. 1:15–17.
14a Gen. 12:4–5.
15a TSM Saraha.
b TSM Ora.
d TSM Fiovam-po.
e TSM Kanana, Kananita.
16a TSM Vatolampy.

i Jerisôna izahay ka tonga teo amin' ny tany Kanana.

17 Ankehitriny, izaho Abrahama dia nanorina "alitara teo amin' ny tanin' i Jerisôna ary nanao fanatitra ho an' ny Tompo sady nivavaka mba hahazoana mampiala ny ^bmosary amin' ny tranon-draiko, mba tsy hahafaty azy ireo.

18 Ary rehefa izany dia niainga avy tao Jerisôna izahay ka namakivaky ny tany hatrany amin' ny toerana atao hoe Sekema; izany dia tao amin' ny lemak' i More, ary efa tonga sahady teo amin' ny faritry ny tanin' ny "Kananita izahay, ka nanatitra ^bfanatitra teo amin' ny lemak' i More aho ary nivavaka sady niantso ny Tompo, satria efa tonga sahady teo amin' ny tanin' ny firenena mpanompo sampy izahay.

19 Dia niseho tamiko ny Tompo ho valin' ny fivavako ka nanao tamiko hoe: Ny taranakao no homeko ity "tany ity.

20 Ary izaho Abrahama dia nitsangana avy teo amin' ny toerana nisy ny alitara izay efa naoriko ho an' ny Tompo, ary nifindra avy teo hankany amin' ny tendrombohitra atsinanan' i "Betela ka nanangana ny laiko teo, ka i Betela no tao andrefana ary i ^bAy no tao atsinanana; dia teo aho no nanorina alitara iray hafa ho an' ny Tompo ka "niantso indray ny anaran' ny Tompo.

21 Ary izaho Abrahama dia nizotra nanohy ny dia nianatsimo; ary mbola nisy mosary teo amin' ny tany; ary izaho Abrahama dia nanapa-kevitra ny hidina any Egipta ka hitoetra any fa nihamafy indrindra ny mosary.

22 Ary ny zava-nitranga nony efa akaiky hiditra an' i Egipta aho, dia hoy ny Tompo tamiko: Indro, vehivavy tsara tarehy ka mateza jerena i "Saray vadinao;

23 Koa izao no zavatra hitranga; rehefa mahita azy ny Egiptiana dia hanao hoe—Izy no vadiny; dia hovonoiny ianao fa hotsimbiny kosa izy ho velona; koa ezaho ny hanaovanao toy izao:

24 Aoka izy hilaza amin' ny Egiptiana fa anabavinao, dia ho velona ny fanahinao.

25 Ary ny zava-nitranga dia noteneniko izaho Abrahama an' i Saray vadiko izay rehetra efa nolazain' ny Tompo tamiko—Koa lazao aminy, iangaviako ianao, fa anabaviko ianao mba hasiany soa aho noho ny aminao, dia ho velona ny fanahiko noho ianao.

TOKO 3

Nianaran' i Abrahama tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima ny momba ny masoandro, ny volana, ny kintana—Nambaran' ny Tom-

17a TSM Alitara.

b Abr. 1:29.

18a Gen. 12:6.

b TSM Sorona.

19a Gen. 13:12–15; 17:8;

Eks. 3:1–10;

Nom. 34:2.

TSM Tany

Nampanantenaina.

20a TSM Betela.

b Gen. 13:3–4.

d Gen. 12:8.

22a Gen. 12:11–13.

po azy ny toetra mandrakizain' ireo fanahy—Nianatra ny amin' ny fiaianana talohan' ny fianana an-tany, ny fanokanana mialoha, ny faharianana, ny nifidianana Mpanavotra ary ny toetra faharoan' ny olona izy.

ARY izaho Abrahama dia nana-na ny “Orima sy ny Tomima izay efa nomen’ ny Tompo Andriamanitra ahy tany Oran’ ny Kaldeana;

2 Ary izaho dia nahita ireo “kintana, fa tena lehibe izy ireo, ary ny anankiray aminy dia akaiky indrindra ny seza fiandrianan’ Andriamanitra; ary nisy lehibe maro izay nifana-kaiky taminy;

3 Ary hoy ny Tompo tamiko: Indreo ny mpitarika; ary ny anaran’ ilay anankiray lehibe dia i “Kôlôba, satria io no akaiky Ahy, fa Izaho no Tompo Andriamanitrao: Izaho dia efa nametraka io anankiray io mba hitarika ireo rehetra izay iray lamina aminy toy ity ijoroanao ity.

4 Ary ny Tompo nanambara tamiko tamin’ ny alalan’ ny Orima sy ny Tomima fa i Kôlôba dia araka ny fomban’ ny Tompo, araka ny fotoany sy ny tonontaonany eo amin’ ny fihodinany; fa ny fihodinany indray mandeha dia indray “andro ho an’ ny Tompo, araka ny fomba fanisany ary arivo ^btaona kosa izany araka ny fotoana voafetra ho an’ ilay ijoroanao eo amboniny. Izany no fanisana ny fotoanan’

ny Tompo, araka ny fanisan’ i Kôlôba.

5 Ary hoy ny Tompo tamiko: Ny planeta, izay kelikely kokoa ny hazavany, kelikely kokoa noho ny an’ izay manapaka ny andro, izay manapaka ny alina, dia ambony na lehibe kokoa noho izay ijoroanao, raha eo amin’ ny lafiny fanisana, fa mi-hetsika araka ny lamina miadana kokoa izy; izany dia araka ny lamina, satria mitoetra ambonin’ ny tany izay ijoroanao izy, koa ny fanisana ny fotoany dia tsy betsaka raha ny amin’ ny isan’ ny androny sy ny an’ ny volany ary ny an’ ny taonany.

6 Ary hoy ny Tompo tamiko: Ankehitriny ry Abrahama, ireo zavatra “roa ireo dia misy, indro, hitan’ ny masonao izany; omena anao ny hahafantatra ny fotoana fanisana sy ny fotoana voatendry, eny, ny fotoana voatendry ho an’ ny tany izay ijoroanao sy ny fotoana voatendry ho an’ ny hazavana lehibe kokoa izay voatendry hanapaka ny andro ary ny fotoana voatendry ho an’ ny hazavana kelikely kokoa izay voatendry hanapaka ny alina.

7 Ankehitriny ny fotoana voatendry ho an’ ny hazavana kelikely kokoa dia fotoana lavalava kokoa ny fanisana azy noho ny fanisana ny fotoana ho an’ ny tany izay ijoroanao.

8 Ary eo amin’ izay isian’ ireo zavatra roa ireo no hisian’ ny zavatra iray hafa eo ambonin’

3 1a Eks. 28:30;
Môsià 8:13; 28:13–16;
JS—T 1:35.
TSM Orima sy

Tomima.
2a Abr. 1:31.
3a Jereo ny Tahadika
no. 2, sary 1–5.

TSM Kôlôba.
4a Abr. 5:13.
b Sal. 90:4; 2 Pet. 3:8.
6a Abr. 3:16–19.

izy ireo, izany hoe, hisy planeta iray hafa izay mbola ho lavalava kokoa ny fanisana ny fotoany;

9 Ary dia toy izany no isian' ny fanisana ny fotoan' ny planeta iray ho ambony noho ny iray hafa ambara-pahatonganao eo akaikin' i Kôlôba, dia i Kôlôba izay araka ny fanisana ny fotoan' ny Tompo; dia i Kôlôba izay voatendry ho eo akaikin' ny seza fiandrianan' ny Tompo mba hitantana ireo planeta rehetra ireo izay iray "lamina, amin' ilay ijoroanao.

10 Ary omena anao ny hahafantatra ny fotoana voatendry ho an' ny kintana rehetra izay voatendry hanome hazavana ambara-pahatonga anao eo akaikin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra.

11 Dia toy izany no "niresahako izaho Abrahama nifanatrika tamin' ny Tompo, toy ny olona iray miresaka amin' ny iray hafa; ary nilaza tamiko ny zavatra izay efa nataon' ny tanany Izy;

12 Ary hoy Izy tamiko: Anaka, anaka (ary nahinjiny ny tanany), indro hasehoko anao ireo zavatra rehetra ireo. Ary nametraka ny tanany teo amin' ny masoko Izy, dia hitako ireo zavatra izay efa nataon' ny tanany, izay maro; ary nitombo teo anoloan' ny masoko ireo ka tsy haiko nojerena ny farany.

13 Ary hoy Izy tamiko: Ity no Sinehà, dia ny masoandro. Ary hoy Izy tamiko: Kôkôba dia kin-

tana. Ary hoy Izy tamiko: Olea dia ny volana. Ary hoy Izy tamiko: Kôkaobeama izay midika hoe kintana, na ireo hazavana lehibe rehetra izay teny amin' ny habakabaky ny lanitra.

14 Ary tamin' ny andro alina no nitenenan' ny Tompo ireto teny ireto tamiko: "Hahamaro anao Aho ary ny ^btaranakao any aorianao dia ho toy ireo; ary raha afaka ^dmanisa ny fasika ianao dia tahaka izany ny isan' ny taranakao.

15 Ary hoy ny Tompo tamiko: Ry Abrahama, asehoko anao ireo zavatra ireo alohan' ny handehananao mankany Egypta, mba hahazoanao manambara ireo teny rehetra ireo.

16 Raha misy zavatra roa ka ny iray dia ambonin' ilay iray hafa, dia hisy ireo zavatra lehibe kokoa eo ambonin' izy ireo; koa i "Kôlôba no lehibe indrindra amin' ny kôkaobeama rehetra izay efa hitanao, satria io no akaiky Ahy indrindra.

17 Ankehitriny raha misy zavatra roa, ny iray ambonin' ilay iray hafa, toy ny volana ambonin' ny tany, dia mety hisy planeta na kintana eo amboniny; ary tsy misy na inona na inona izay halatsaky ny Tompo Andriamanitrao ao ampony mba hataony ka tsy "hataony.

18 Na izany aza anefa dia nataony ny kintana lehibe kokoa; toy izany koa, raha misy fanahy roa ka ny iray ho marani-tsaina

9a F&F 88:37-44.

11a Gen. 17:1;

Num12:5-8.

14a Abr. 2:9.

b Gen. 13:16;

F&F 132:30.

d Gen. 22:17;

Hosea 1:10.

16a Abr. 3:3.

17a Joba 9:4-12.



FANAZAVANA

Sary 1. Kôlôba dia midika hoe ny fahariana voalohany, ny akaiky indrindra ny selestialy, na ny fonenan' Andriamanitra. Ny voalohany raha ny amin' ny fitantanana, ny farany raha ny mikasika ny fanisana ny fotoana. Ny fanisana araka ny fotoana selestialy, dia fotoana selestialy izay midika ho andro iray ho an' ny hakiho iray. Ny andro iray eo amin' i Kôlôba dia mitovy amin' ny arivo taona araka ny fanisan' ity tany ity, izay nataon' ny Egyptiana hoe Jah-oh-eh.

Sary 2. Mifanila amin' i Kôlôba, ary nataon' ny Egyptiana hoe Ôliblisa izany, dia ny fahariana lehibe faharoa amin' ny fitantanana ary mifanila amin' ny selestialy, na ny toerana izay onenan' Andriamanitra; sady mihazona koa ny fanalahidin' ny fahefana momba ireo planeta hafa; araka ny nambaran' Andriamanitra an' i Abrahama raha nanatitra fanatitra teo amin' ny alitara izay natsangany ho an' ny Tompo izy.

Sary 3. Atao mba hanehoana an' Andriamanitra mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany, mitafy hery sy fahefana, miaraka amin' ny satroboninahitry ny hazavana mandrakizay eo ambonin' ny lohany; maneho koa ireo teny fanalahidy lehibe momba ny Fisoronana Masina, araka izay nambara tamin' i Adama tao amin' ny saha Edena, ary koa tamin' i Seta, i Noa, i Melkizedeka, i Abrahama ary tamin' ireo rehetra izay nanambaràna ny Fisoronana.

Sary 4. Mitovy dika amin' ny teny Hebreo hoe Raokianga, izay midika hoe velarana, na ny habakabaky ny lanitra; milaza isa ihany koa, izay midika hoe arivo amin' ny Ejipsiana; misy ifandraisany amin' ny fanisana ny fotoan' i Ôliblisa, izay mitovy amin' i Kôlôba ny fihodiny sy ny fanisany ny fotoana.

Sary 5. Ataon' ny Ejipsiana hoe Enisa-go-ona-dosa; ity dia anankiray amin' ireo planeta mpitantana ihany koa, ary lazain' ny Egyptiana ho ny masoandro ary ho mindrana ny hazavany amin' ny Kôlôba, amin' ny alalan' i Kae-e-vanrasa, izay ny Fanalahidy lehibe, na amin' ny teny hafa ny fahefana mpitantana izay mitantana planeta na kintana dimy ambin' ny folo hafa, ary koa i Floese na ny volana, ny Tany ary ny Masoandro amin' ny fihodiny isan-taona. Ity planeta ity dia mandray ny heriny amin' ny alalan' i Kly-flôsa-isa-esa na i Ha-kô-kao-beama, dia ireo kintana tondroin' ny isa 22 sy 23, izay mandray ny hazavany amin' ny fihodin' i Kôlôba.

Sary 6. Maneho ny vazan-tany efatr' ity tany ity.

Sary 7. Maneho an' Andriamanitra mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany, manambara avy amin' ny lanitra ny teny fanalahidin' ny Fisoronana; ary koa ny famantarana ny Fanahy Masina nomena an' i Abrahama tamin' ny endriky ny voromailala.

Sary 8. Mirakitra ireo soratra izay tsy azo ambara amin' izao tontolo izao, fa tokony ho azo avy ao amin' ny Tempoly Masin' Andriamanitra.

Sary 9. Tsy tokony hambara amin' izao fotoana izao.

Sary 10. Toy ny eo aloha ihany.

Sary 11. Toy ny eo aloha ihany. Raha hain' izao tontolo izao ny mamantatra ireo isa ireo, dia ho izany tokoa anie. Amena.

Ireo sary 12, 13, 14, 15, 16, 17, 18, 19, 20 ary 21 dia homena amin' ny fotoana mahamety izany amin' ny Tompo.

Ny dika teny eo ambony dia omena araka izay anananay zo hanome izany amin' izao fotoana izao.

noho ilay iray hafa, ireo fanahy roa ireo anefa, na dia marani-tsaina noho ilay iray hafa aza ny iray, dia tsy manam-piandohana; nisy teo aloha izy ireo sady tsy hanam-pahataperana, hisy any aoriana izy ireo satria ^agnolaoma, na mandrakizay.

19 Ary hoy ny Tompo tamiko: Ireo zavatra roa ireo dia misy, fa misy fanahy roa, ny iray marani-tsaina kokoa noho ny iray hafa; hisy iray hafa ho marani-tsaina kokoa noho ireo; Izaho no Tompo Andriamanitrao, Izaho dia ^amarani-tsaina kokoa noho izy rehetra.

20 Nirahin' ny Tompo Andriamanitra ny anjelin' ^ahanafaka anao teo an-tanan' ny mpisoron' i Elkenà.

21 Izaho dia mitoetra eo afovoan' izy rehetra; koa ankehitriny dia efa nidina eto aminao Aho hanambara aminao ireo ^aasa izay efa nataon' ny tanako, izay ihoaran' ny ^bfahendreko azy rehetra, fa manapaka eny amin' ny lanitra ambony Aho sy ety amin' ny tany ambany, amin' ny fahendrena rehetra sy ny fahamalinana, eo amin' ireo faharanitan-tsaina rehetra efa hitan' ny masonao hatrany ampiandohana; Izaho dia nidina tany am-piandohana, teo afo-

voan' ireo faharanitan-tsaina rehetra efa hitanao.

22 Ankehitriny dia izaho Abrahama no nanehoan' ny Tompo ireo ^afaharanitan-tsaina izay efa nalamina ^btalohan' ny nisian' izao tontolo izao; ary teo anivon' ireo rehetra ireo dia nisy maro no anisan' ireo ^dambony sy lehibe;

23 Ary hitan' Andriamanitra ireo fanahy ireo fa tsara, ary Izy dia nijoro teo afovoan' izy ireo ka nanao hoe: Ireto no hataoko mpanapako; fa nijoro teo anivon' ireo izay fanahy Izy ary nahita fa tsara ireo; ary hoy Izy tamiko: Ry Abrahama, anisan' ireo ianao; efa ^anofinidy ianao talohan' ny nahaterahanao.

24 Ary nisy ^aanankiray nijoro teo anivony, izay nitovy tamin' Andriamanitra, ary hoy Izy tamin' ireo izay niaraka taminy: Hidina isika fa misy toerana eny, ary haka amin' ireto akora ireto ^bisika dia hanao ^dtany iray izay hahazoan' ireto mitoetra;

25 Dia ^ahosedraintsika amin' izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka ^bhanao ny zavadrehetra handidian' ny Tompo Andriamaniny azy ireo;

26 Ary ireo izay mitana ny ^atoetrany voalohany no homena fanampiny; ary ireo izay tsy

18a Gnôlôma dia dikanten' avy amin' ny teny Hebreo midika hoe mandrakizay.

19a Isa. 55:8–9.
TSM Heni-pahalalana.

20a Abr. 1:15.

21a F&F 88:45–47;
Mos. 1:27–29.

^b TSM Fahendrena.

22a TSM Faharanitan-Tsaina.

^b TSM Fivorianana Tany An-danitra; Fiainana Talohan' ny Fiainana An-tany.

^d F&F 138:55.

23a Isa. 49:1–5; Jer. 1:5.
TSM Voafidy;

Fanokanana Mialoha.

24a TSM Lahimatoa.

^b TSM Fahariana.

^d TSM Tany—Nohariana ho an' ny olona.

25a F&F 98:12–14; 124:55.
TSM Safidy; Drafitry ny Fanavotana.

^b TSM Mankatô.

26a Joda 1:6.

mitana ny toetrany voalohany dia tsy hanana voninahitra ao amin' ny fanjakana iraisana amin' ireo izay mitana ny toetrany voalohany; ary ireo izay mitana ny ^btoetrany faharoa dia hanana ^avoninahitra anampy eo ambony lohany mandrakizay mandrakizay.

27 Ary hoy ny ^aTompo: Iza no hirahako? Ary namaly ilay anankiray izay tahaka ny ^bZanak' Olona hoe: Inty Aho, iraho Aho. Ary ny ^aanankiray hafa dia namaly ary nanao hoe: Inty aho, iraho aho. Ary hoy ny Tompo: Haniraka iry voalohany Aho.

28 Ary tezitra ilay ^afaharoa ka tsy nitana ny toetrany voalohany; ary tamin' izay andro izay dia ^bmaro no nanaraka azy.

TOKO 4

Novolavolain' ireo Andriamanitra ny fahariana ny tany sy ny aina rehetra eo aminy—Aroso etoana ny drafiny nandritra ny enina andro nahariana izao tontolo izao.

ARY hoy ny Tompo tamin' izay: Andeha isika hidina. Dia nandeha nidina izy ireo tany ^aampiandohana, ary izy ireo, izany hoe ireo Andriamanitra, dia ^bnahary sy namorona ny lanitra sy ny tany.

2 Ary ny tany, taorian' ny namoronana azy, dia foana sy tsy

nisy mponina, satria tsy mbola namorona na inona na inona afa-tsy ny tany izy ireo; ary haizina no nanjaka tambonin' ny lalina ary ny Fanahin' ireo Andriamanitra no ^ananomba tambonin' ny rano.

3 Ary hoy Izy ireo (Ireo Andriamanitra): Aoka hisy hazavana; dia nisy hazavana.

4 Ary hitan' Izy ireo (ireo Andriamanitra) ny hazavana, fa mampirapiratra izany; ary nosarahin' Izy ireo ny hazavana, na nampisaraka izany tamin' ny haizina Izy ireo.

5 Ary ireo Andriamanitra nanao ny hazavana hoe Andro, ary ny haizina dia nataony hoe Alina. Ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny hariva ka mandramarina no nataony hoe alina; ary hatramin' ny maraina ka mandram-pahahariva no nataony hoe andro; ary izany no voalohany na fiandohan' izay nataony hoe andro sy alina.

6 Ary hoy koa ireo Andriamanitra: Aoka hisy ^ahabakabaka eo afovoan' ny rano ary hampisaraka ny rano amin' ny rano.

7 Ary nodidian' ireo Andriamanitra ny habakabaka, ka dia nampisaraka ny rano izay ambanin' ny habakabaka amin' ny rano izay ambonin' ny habakabaka izany; dia to izany, araka izay nandidian' Izy ireo.

8 Ary ireo Andriamanitra nanao ny habakabaka hoe

26b TSM Mety Maty.
d Tito. 1:2.

TSM Voninahitra.

27a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

b TSM Jesoa Kristy;
Zanak' Olona.
d Mos. 4:1–2.

28a TSM Devoly.

b TSM Zanaky ny

Fahaverezana.
4 1a Gen. 1:1; Mos. 2:1.

b TSM Fahariana.

2a Gen. 1:2; Mos. 2:2.

6a Gen. 1:4–6; Mos. 2:4.

“Lanitra. Ary ny zava-nitranga dia hatramin’ ny hariva ka mandra-maraina no nataony hoe alina; ary ny zava-nitranga dia hatramin’ ny maraina ka mandra-pahahariva no nataony hoe andro, ary izany no ^bfotoana faharoa izay nataony hoe alina sy andro.

9 Ary ireo Andriamanitra dia nandidy, nanao hoe: Aoka ny “rano ambanin’ ny lanitra hiarahiangona amin’ ny ^btoerana iray ary aoka hiseho ny maina; dia to araka izay nandidian’ Izy ireo izany.

10 Ary ireo Andriamanitra nanao ny maina hoe tany; ary ny fiarahan’ ny rano miangona dia nataony hoe “Rano Lehibe; ary hitan’ ireo Andriamanitra fa nankatoavina Izy ireo.

11 Ary hoy ireo Andriamanitra: Aoka isika hanomana ny tany hamoazany “ahitra sy anana mamoa; hazo fihinam-boa izay mamoa, samy araka ny karazany avy, ka ny voany ao aminy dia mamoa ny iray tarika aminy ihany eto an-tany; ary izany dia to araka izay nandidian’ Izy ireo.

12 Ary ireo Andriamanitra dia nahary ny tany mba hamoazany ahitra avy amin’ ny voany ihany sy ny anana hamoazany anana avy amin’ ny voany, sady manana voa samy araka ny karazany avy; ary ny tany mba hamoazany hazo avy amin’ ny voany ihany, sady manana voa, ka ny voany dia tsy mamoa afa-tsy

izay iray tarika aminy ihany, samy araka ny karazany avy; ary hitan’ ireo Andriamanitra fa nankatoavina Izy ireo.

13 Ary ny zava-nitranga dia nisain’ izy ireo ny andro; hatramin’ ny hariva ka mandra-maraina, dia nataony hoe alina; ary ny zava-nitranga dia hatramin’ ny maraina ka mandra-pahahariva no nataony hoe andro; ary izany no fotoana fahatelo.

14 Ary ireo Andriamanitra dia nandamina ireo “hazavana teny amin’ ny habakabaky ny lanitra ka nahatonga azy ireo hampisaraka ny andro amin’ ny alina; nandamina azy ireo mba ho famantarana sy ho tonontaona ary ho andro sy ho taona;

15 Ary nandamina azy ireo mba ho fahazavana eny amin’ ny habakabaky ny lanitra, hanome hazavana ny tany; dia to izany.

16 Ary ireo Andriamanitra dia nandamina ireo hazavana lehibe roa, ny “hazavana lehibe kokoa hanapaka ny andro, ary ny hazavana kelikely kokoa hanapaka ny alina; miaraka amin’ ny hazavana kelikely kokoa no nametrahana ireo kintana ihany koa;

17 Ary ireo Andriamanitra dia nametraka azy ireo teny amin’ ny habakabaky ny lanitra, mba hanome hazavana ny tany ary hanapaka amin’ ny andro sy amin’ ny alina, ka hampisaraka ny hazavana amin’ ny haizina.

18 Ary ireo Andriamanitra dia nanara-maso ireo zavatra izay

8a TSM Lanitra.

b Gen. 1:8.

9a Amo. 9:6; Mos. 2:7.

b Gen. 1:9.

10a Gen. 1:10; Abr. 4:22.

11a Gen. 1:11–12;

Mos. 2:11–12.

14a F&F 88:7–11.

16a Gen. 1:16.

efa nodidiany ireo ambara-pankatoavan' izy ireny.

19 Ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny hariva ka mandramarina no alina; ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny maraina ka mandra-pahahariva no andro; ary izany no fotoana fahefatra.

20 Ary hoy ireo Andriamanitra: Aoka isika hanomana ny rano mba ho sesehena ny voary mihetsika izay manana aina haterany; ary ny vorona, mba hahazoany manidina ambonin' ny tany, eny amin' ny habakabaka malalaky ny lanitra.

21 Ary nanomana ny rano ireo Andriamanitra mba hahazoan' izany mamoka ireo "trozona lehibe sy ireo voary manana aina rehetra, izay mihetsika, izay sesehena natao havoaky ny rano, samy araka ny karazany avy, ary ny vorona manan' elatra rehetra, samy araka ny karazany avy. Ary hitan' ireo Andriamanitra fa nankatoavina Izy ireo, fa tsara ny drafiny.

22 Ary hoy ireo Andriamanitra: Hitahy azy ireo Isika ka hahatonga azy ho maro anaka sy hihabetsaka ary hameno ny rano ao amin' ny ranomasina na ireo "rano lehibe; ary hahatonga ny vorona hihamaro eo amin' ny tany.

23 Ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny hariva ka mandramarina no nataony hoe alina; ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny maraina ka mandra-

pahahariva no nataony hoe andro; ary izany no fotoana fahadimy.

24 Ary nanomana ny tany ireo "Andriamanitra mba hamoahan' izany ireo voary manana aina samy araka ny karazany avy, biby fiompy sy zava-mandady ary biby ny tany, samy araka ny karazany avy; ary izany dia to araka izay nolazainy.

25 Ary ireo Andriamanitra dia nahary ny tany mba hamoahan' izany ireo biby, samy araka ny karazany avy, sy biby fiompy samy araka ny karazany avy, ary ny zavatra rehetra mandady amin' ny tany, samy araka ny karazany avy; ary hitan' ireo Andriamanitra fa hankatò izy ireo.

26 Ary "nifampidinika ireo Andriamanitra ka nanao hoe: Andeha Isika hidina ary ^bhamorona olona tahaka ny "endritsika, araka ny tarehintsika; ary homentsika azy ireo ny hanjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy amin' ny voron' ny habakabaka ary amin' ny biby fiompy sy amin' ny tany manontolo ary amin' ny zava-mandady rehetra, izay mandady amin' ny tany.

27 Dia nidina ireo "Andriamanitra mba hamorona ny olona tahaka ny endriny, tahaka ny endrik' ireo Andriamanitra no namoronany azy, lahy sy vavy no namoronany azy ireo.

28 Ary hoy ireo Andriamanitra: Hitahy azy ireo Isika. Ary

21a Gen. 1:21; Mos. 2:21.

22a Abr. 4:10.

24a TSM Andriamanitra.

26a TSM Torohevitra.

b TSM Olona.

d Mos. 6:8-10.

27a Gen. 1:26-27;

Abr. 5:7.

hoy ireo Andriamanitra: Isika dia hahatonga azy ireo ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany ka hampanompo azy, ary hanjaka amin' ny hazandra-no ao amin' ny ranomasina sy amin' ny voron' ny habakabaka ary amin' ny zavatra velona rehetra izay mihetsika eo amin' ny tany.

29 Ary hoy ireo Andriamanitra: Indro, homentsika azy ireo ny anana rehetra manintsam-boa izay maniry eto ambonin' ny tany manontolo sy ny hazo rehetra izay misy voa; eny, ny voan' ny hazo rehetra manintsam-boa no homentsika azy ireo; izany no ho "fihinany.

30 Ary ny biby rehetra eto an-tany sy ny voron' ny habakabaka ary ny zavatra rehetra izay mandady amin' ny tany, indro, homentsika aina ireo, ary homentsika azy ireo koa ny anana maitso ho fihinany, ary ireo zavatra rehetra ireo dia hohariana toy izany.

31 Ary hoy ireo Andriamanitra: Hanao ny zava-drehetra izay efa nolazaintsika isika ary hahary azy ireo; ary indro, ho tena mpankatò izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny hariva ka mandramarina no nataony hoe alina; ary ny zava-nitranga dia hatramin' ny maraina ka mandrapahavariva no nataony hoe andro; ary nisainy ny fotoana "fahenina.

TOKO 5

Novitain' ireo Andriamanitra ny drafiny momba ny fahariana ny zava-drehetra—Notanterahany ny Fahariana araka ny drafiny—Nomen' i Adama anarana ny voary manana aina rehetra.

ARY toy izany no hamintantsika ny lanitra sy ny tany mbamin' ireo mponiny eo aminy avy.

2 Ary nifampiresaka ireo Andriamanitra hoe: Amin' ny "fotoana fahafito, dia hofarantsika ny asantsika izay efa notapahintsika; ary hitsahatra amin' ny asantsika rehetra izay efa notapahintsika Isika amin' ny fotoana fahafito.

3 Ary ireo Andriamanitra dia namarana tamin' ny fotoana fahafito, satria tamin' ny fotoana fahafito Izy ireo no tokony "hitsahatra amin' ny asany rehetra izay notapahin' Izy ireo (Ireo Andriamanitra) teo anivon' Izy ireo mba hatao; ary "nanamasina izany. Ary dia toy izany no fanapahan-keviny tamin' ny fotoana izay nanapahany teo anivony mba hamorohana ny lanitra sy ny tany.

4 Dia nidina ireo Andriamanitra ary nametraka ireo dingana teo amin' ny famoronana ny lanitra sy ny tany ireo, fony izy ireo noforonina tamin' ny andro izay namoronan' ireo Andriamanitra ny tany sy ny lanitra,

5 Araka izay rehetra efa nola-zainy momba ny zavamaniry



FANAZAVANA

Sary 1. Abrahama mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' i Farao noho ny fahalalam-pomban' ny mpanjaka, miaraka amin' ny satroboninahitra eo amin' ny lohany, ho fanehoana ny Fisoronana sady tandindon' ny Fiadidiana lehibe any an-danitra; miaraka amin' ny tehin' ny fahitsiana sy ny famaliana eo an-tanany.

Sary 2. Farao mpanjaka, izay voalazan' ireo soratra eo ambonin' ny lohany ny anarany.

Sary 3. Midika hoe Abrahama tany Egypta, toy izay voalaza koa ao amin' ny sary 10, tahadika laharana 1.

Sary 4. Printsin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, araka izay voasoratra eo ambonin' ny tanany.

Sary 5. Solema, anankiray amin' ireo lohandoan' ny mpampihinana, araka izay voalazan' ny soratra eo ambonin' ny tanany.

Sary 6. Òlimla, andevon' ny printsy.

Mandaha-teny manazava ny fitsipiky ny lalàn' ny planeta amin' ireo tandapan' ny mpanjaka i Abrahama.

rehetra eny an-tsaha "talohan' ny nisiany teto an-tany, ary ny ahitra rehetra eny an-tsaha talohan' ny naniriany; fa tsy mbola nampilatsaka ranonorana tambonin' ny tany ireo Andriamanitra fony Izy ireo nanapaka ny hanao azy ireny ary tsy mbola namorona ny olona mba hiasa ny tany.

6 Fa ny zavona niakatra avy tamin' ny tany ka nandena ny tany manontolo.

7 Ary ireo "Andriamanitra dia namorona ny olona avy amin' ny ^bvovo-tany, ka naka ny "fanahiny (izany hoe, ny fanahin' ny olona) ary nametraka izany tao aminy; ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony, ka tonga "fanahy velona izy.

8 Ary nanao saha tao "Edena, tao atsinanana, ireo Andriamanitra, ary tao Izy ireo no nampitoetra an-dralehilahy ka napetrak' Izy ireo tao amin' ny vatany izay efa nataon' Izy ireo ny fanahiny.

9 Ary teo amin' ny tany no nampanirian' ireo Andriamanitra ny hazo rehetra izay mahafinaritra ny maso sy tsara ho fihinana; ny "hazon' aina koa dia teo afovoan' ny saha, mba-min' ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy.

10 Nisy renirano iray nivoaka avy tao Edena, mba hanondra-

ka ny saha, ary hatreo izany dia nizara ka tonga lohany efatra.

11 Ary nalain' ireo Andriamanitra ralehilahy ka napetrany tao amin' ny Saha Edena mba hiasa sy hitandrana azy.

12 Ary ireo Andriamanitra dia nandidy an-dralehilahy, nanao hoe: Ny hazo rehetra eto amin' ny saha dia azonao ihinanana malalaka,

13 Fa ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia tsy hihinananao; fa amin' ny fotoana izay ihinananao azy, dia ho faty marina tokoa ianao. Ankehitri-ny izaho Abrahama dia nahita fa izany dia araka ny "fotoan' ny Tompo, izay araka ny fotoan' i ^bKôlôba; fa tsy mbola notendren' ireo Andriamanitra ho an' i Adama ny fanisana ny fotoany.

14 Ary hoy ireo Andriamanitra: Aoka isika hanao mpanampy sahaza ho an-dralehilahy, fa tsy tsara raha irery rahalehilahy, koa hanaovantsika mpanampy sahaza ho azy izy.

15 Ary nataon' ireo Andriamanitra renoky ny torimasolalina i "Adama; dia natory izy, ary naka ny anankiray tamin' ny taolan-tehezany Izy ireo ka nanakombona ny nofo teo amboniny;

16 Ary avy amin' ny taolan-tehezana izay nalain' ireo Andriamanitra tamin-dralehilahy no

5a TSM Fahariana
Ara-panahy.

7a Abr. 4:26-31.

b Mos. 4:25; 6:59.

d Gen. 2:7; F&F 93:33.

TSM Fiainana

Talohan' ny Fiainana
An-tany; Fanahy.

e TSM Fanahy
(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy).

8a TSM Edena.

9a TSM Hazon' Aina.

13a 2 Pet. 3:8.

b Abr. 3:2-4.

TSM Kôlôba.

15a TSM Adama.

namoronany "vehivavy iray ka nentiny teo amin-dralehilahy.

17 Ary hoy i Adama: Ity dia taolana avy amin' ny taolako sy nofo avy amin' ny nofoko; ankehitriny dia hatao hoe Vehivavy izy satria nalaina avy tamin' ny lehilahy;

18 Koa ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka "hikambana amin' ny vadiny; ary ho ^bnofo iray ihany izy ireo.

19 Ary samy nitanjaka izy roa, dia ralehilahy sy ny vadiny, nefa tsy menatra.

20 Ary avy amin' ny tany no

namoronan' ireo Andriamanitra ny biby rehetra eo amin' ny saha sy ny vorona rehetra eny amin' ny habakabaka, ary nentin' Izy ireo teo amin' i Adama ireny hahitana izay hanononany azy avy; ary izay rehetra nanonon-dralehilahy ny voary manana aina tsirairay dia izay no anarany.

21 Dia nomen' i Adama anarana avokoa ny biby fiompy, ny voron' ny habakabaka mbamin' ny bibidia rehetra eny an-tsaha; ary ho an' i Adama, dia hita ny mpanampy sahaza ho azy.

16a TSM Eva.

18a F&F 42:22; 49:15-16.

b TSM Fanambadiana.

JOSEPH SMITH — MATIO

Sombiny amin' ny fandikana ny Baiboly, araka izay nambara tamin' i Joseph Smith Mpaminany tamin' ny taona 1831: Matio 23:39 sy ny toko 24.

Nolazain' i Jesoa fa efa mananon-tanona ny fandravana an' i Jerosalema — Nandaha-teny ny amin' ny fiavian' ny Zanak' Olona sy ny famongorana ny olon-dratsy koa Izy.

FA lazaiko aminareo fa hatramin' izao dia tsy hahita Ahy ianareo, ary tsy hahafantantra fa Izaho no Ilay efa voasoratra ny mpaminany ny Aminy, ambara-pilazanareo hoe: Hota-hina anie Izay “avy amin' ny anaran' ny Tompo eny amin' ny rahon' ny lanitra ary ny anjely masina rehetra miaraka Aminy. Tamin' izany no nahatakarany ny mpianany fa ho avy eto antany indray Izy rehefa nomemboninahitra sy nosatrohana satroboninahitra teo an-tanana ankavanany ^bAndriamanitra.

2 Ary nandeha i Jesoa ka niala teo amin' ny tempoly; dia nanatona Azy ny mpianany mba handre Azy, ka nanao hoe: Mpampianatra ô, aseho any ny momba ny firafitry ny tempoly, satria efa nilaza Ianao hoe—Harodana izany ka havela ho lao ho anareo.

3 Ary hoy i Jesoa taminy: Tsy

hitanareo va ireo zavatra rehetra ireo ary tsy azonareo va ireo? Lazaiko aminareo marina tokoa, tsy havela hisy “vato hifanongoa eo amin' ity tempoly ity ka tsy harodana.

4 Dia nandao azy ireo i Jesoa ka nandeha niakatra teo “an-tendrombohitra Oliva. Ary raha nipetraka teo an-tendrombohitra Oliva Izy dia nanatona Azy mangingina ny mpianatra ka nanao hoe: Lazao aminay hoe rahoviana no hisy ireo zavatra izay efa nolazainao momba ny fandravana ny tempoly sy ny Jiosy ireo; ary inona no ^bfamantarana ny ^dfiavianao sy ny an' ny “fiakaran' izao tontolo izao na ny famongorana ny ^folon-dratsy izay ny fiakaran' izao tontolo izao?

5 Ary namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe: Mitandrema mba tsy hisy olona hamitaka anareo;

6 Fa maro no ho avy amin' ny anarako, hanao hoe—izaho no Kristy—ka hamitaka ny maro;

7 Amin' izany dia hanolotra anareo ho amin' ny “fampijaliana izy ireo ary hamono anareo; ary ho ^bhalan' ny firenena rehetra ianareo noho ny anarako;

1 1a Mat. 26:64; Asa 1:11.

b TSM Andriamanitra.

3a Lio. 19:44.

4a TSM Oliva,
Tendrombohitra.

b Lio. 21:7–36;
F&F 45:16–75.

TSM Andro Farany;
Famantaran' Ireo
Fotoana.

d TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

e TSM Izao Tontolo
Izao—Faran' ny tany.

f Mal. 4:1;
F&F 133:64–74.

TSM Faharatsiana.

7a 1 Pet. 4:12–14.

b TSM Fanenjehana.

8 Ary amin' izany dia maro no ho tafintohina ka hifampiang-panga sy hifankahala;

9 Ary mpaminany sandoka maro no hitsangana ka hamitaka ny maro;

10 Ary satria hihabetsaka ny faharatsiana, dia hihamangan-tsiaka ny ^afitiavan' ny maro;

11 Fa izay miorina mafy ka tsy resy no hovanjena.

12 Koa rehefa hitanareo ny ^afahavetavetan' ny fandravana voalazan' i ^bDaniela mpaminany momba ny fandravana an' i ^aJerosalema, dia hijoro eo amin' ny ^atoerana masina ianareo; na zovy na zovy no mamaky, dia aoka izy hahatakatra.

13 Amin' izay dia aoka ireo izay any Jodia handositra any ^aan-tendrombohitra;

14 Aoka ireo izay eny an-tampon-trano handositra ka tsy hiverina haka zavatra ao antranony.

15 Aoka koa izay any an-tsaha tsy hiverina haka ny fitafiany;

16 Ary lozan' ireo izay ^abevo-hoka sy mampinono amin' ireo andro ireo;

17 Koa ivavahonareo ny Tompo mba tsy ho amin' ny ririnina na ho amin' ny andro Sabata ny fandosiranareo;

18 Fa amin' ireo andro ireo, dia hisy fahoriana be eo amin' ny ^aJiosy sy eo amin' ny mponin' i ^bJerosalema, toy izay tsy mbola nisy nalefan' Andriamanitra teo aloha tamin' ny Isiraely

hatramin' ny niandohan' ny fanjakany ka mandraka ankehitriny; sady tsy hisy halefa toy izany intsony amin' ny Isiraely.

19 Ny zava-drehetra izay efa nihatra taminy dia vao ny fian-dohan' ny alahelo izay hianjady aminy.

20 Ary raha tsy hahohezina ireo andro ireo, dia tsy hisy nofo hovanjena; saingy noho ny amin' ny olom-boafidy, araka ny fanekempihavanana, dia hohafohezina ireo andro ireo.

21 Indro, ireo zavatra ireo no efa noteneniko taminareo momba ny Jiosy; ary ankoatra izany, aorian' ireo androm-pahoriana izay ho avy amin' i Jerosalema ireo, raha misy olona miteny aminareo hoe, indro, atỳ i Kristy, na arỳ, dia aza mino azy;

22 Fa amin' ireo andro ireo dia hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ary haneho famantarana sy zavamahagaga lehibe, ka raha azo atao, dia hofitahiny na dia ny olom-boafidy aza, izay olom-boafidy araka ny fanekempihavanana.

23 Indro teneniko aminareo ireo zavatra ireo noho ny amin' ny ^aolom-boafidy; ary ianareo koa dia handre ^bady sy tabataban' ady; aoka tsy hatahotra ianareo, fa tsy maintsy mitranga izay rehetra efa nolazaiko taminareo; nefa tsy mbola tonga ny farany.

24 Indro, efa nolazaiko mialoha taminareo izany;

10a F&F 45:27.

12a Dan. 12:11.

^b TSM Daniela.

^d TSM Jerosalema.

^e F&F 101:22–25.

13a F&F 133:13.

16a Lio. 23:29–30.

18a TSM Jiosy.

^b Zak. 12; 14:1–5.

23a TSM Olom-boafidy.

^b F&F 45:26.

25 Koa raha lazainy aminareo hoe: Indro, any an' efitra Izy, aza mankany; Indro, atsy amin' ny toera-miafina atsy Izy, aza mino;

26 Fa toy ny hazavan' ny maraina mipoitra avy any "atsinana sy mamirapiratra hatrany andrefana ary mandrakotra ny tany manontolo, dia ho toy izany koa no fiavian' ny zanak' olona.

27 Ary ankehitriny dia maneho fanoharana iray aminareo Aho. Indro, na aiza na aiza toerana misy fatin-javatra, dia any no hiara-mitangorona ny voromahery; dia "hitangorona toy izany avy amin' ny vazan-tany efatra ny olom-boafidiko.

28 Ary handre ady sy tabataban' ady izy ireo.

29 Indro, miteny Aho noho ny amin' ny olom-boafidiko; fa hitsangana ny firenena hamely firenena ary ny fanjakana hamely fanjakana; hisy "mosary sy areti-mandringana ary horohoron-tany amin' ny toerana samihafa.

30 Ary ankoatra izany, satria ho sesehena ny faharatsiana, dia hihamangatsiaka ny fitiavan' ny olona; fa izay tsy ho resy no hovonjena.

31 Ary ankoatra izany, ity Filazantsaran' ny Fanjakana ity dia hotorina manerana "izao tontolo izao, ho vavolombelona amin' ny firenen-drehetra, ary rehefa izany dia ho avy ny fara-

ny, na ny famongorana ny olon-dratsy;

32 Ary ankoatra izany, dia ho tanteraka ny fahavetavetan' ny fandravana voalazan' i Daniela Mpaminany.

33 Ary aorian' ireo androm-pahorianana ireo, dia hohamaizinina avy hatrany ny "masoandro, ary tsy hanome ny hazavany ny volana, ary ny kintana hirakaka avy any an-danitra, ary ny herin' ny lanitra hohozongozonina.

34 Lazaiko aminareo marina tokoa fa ity taranaka ity, izay ao aminy no hanehoana ireo zavatra rehetra ireo, dia tsy ho levona raha tsy efa tanteraka izay rehetra efa nolazaiko taminareo.

35 Na dia ho avy aza ny androka ho levona ny lanitra sy ny tany, dia tsy ho levona kosa ny "teniko fa ho tanteraka avokoa.

36 Ary toy izay nolazaiko teo aloha fa aorian' ireo "androm-pahorianana ireo, ary rehefa avy nohongozonina ny herin' ny lanitra, dia hiseho eny amin' ny lanitra ny famantarana ny Zanak' olona, ary amin' izany dia hitomany ny foko rehetra eto an-tany; ary hahita ny Zanak' olona^b avy amin' ny hery sy ny voninahi-dehibe eny amin' ny rahon' ny lanitra izy ireo.

37 Ary na zovy na zovy no mirakitra ny "teniko dia tsy ho voafitaka, fa ho avy ny Zanak' olona ary Izy dia haniraka ireo^b anjely hialoha Azy miaraka

26a Ezek. 43:2.

27a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

29a F&F 43:24–25.

31a Mat. 28:19–20.

33a Joe. 2:10; F&F 29:14.

35a F&F 1:38.

36a JS—M 1:18.

b TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

37a TSM Soratra Masina.

b F&F 29:11–15.

amin' ny faneno mafin' ny trompetra, ary ireo dia ^dhiara-hanan-gona ny olom-boafidiny sisa avy amin' ny vazan-tany efatra, avy amin' ny faravodilanitra iray ka hatramin' ny iray hafa.

38 Ankehitriny dia ianaro ny fanoharana ny amin' ny ^aaviavy—Raha mbola marefo ny rantsany ary manomboka mitsiry ny raviny, dia fantatra-reo fa efa akaiky ny lohataona;

39 Dia toy izany ny olom-boafidiko, rehefa mahita ireny zavatra rehetra ireny izy ireo dia hahafantatra fa efa akaiky Izy, mby eo am-baravarana aza;

40 Fa ny amin' izany andro sy ora izany dia tsy misy ^amalalala; tsia, na dia ny anjelin' Andriamanitra any an-danitra aza, afa-tsy ny Raiko ihany.

41 Fa toy ny tamin' ny andron' i ^aNoa, dia ho toy izany koa amin' ny fiavian' ny Zanak' olona;

42 Fa toy ny tamin' ny andro izay talohan' ny ^asafo-drano, dia ho toy izany amin' izy ireo; fa ambara-pahatongan' ny andro izay nidiran' i Noa tao amin' ny sambofiara, dia nihinana sy nisotro, nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina izy ireo;

43 Ary tsy nahafantatra mandra-piavin' ny safo-drano izay nifaoka azy rehetra, dia ho toy izany koa no fiavin' ny Zanak' olona.

44 Amin' izany dia ho tanteraka izay voasoratra, fa amin' ny

^aandro farany dia olona roa no ho eny an-tsaha, ka ny anankiray horaisina ary ny anankiray ^bhavela;

45 Olona roa no hitoto vary ao amin' ny fikosoham-bary, ka ny anankiray horaisina ary ny anankiray havela;

46 Ary izay lazaiko amin' ny iray dia lazaiko amin' ny olona rehetra; koa ^amiambena fa tsy fantatrarao izay ora hiavian' ny Tomponareo.

47 Fa izao no fantaro, raha fantatry ny tompon-trano tsara ny ora hiavian' ny mpangalatra, dia ho niambina izy ka tsy ho namela ny tranony hotamina fa ho efa vonona.

48 Koa aoka ho vonona koa ianareo, fa amin' ny ora izay tsy ampoizinareo no hiavian' ny Zanak' Olona.

49 Iza amin' izany no mpanompo ^amahatoky sy hendry, izay efa notendren' ny tompony ho mpanapaka amin' ny ankehonany, ka hanome azy ireo hanina ara-potoana?

50 Hotahina ilay mpanompo hitan' ny Tompony eo ampanaovana izany amin' ny fahatongavany; ary lazaiko aminareo marina tokoa, hotendreny ho mpanapaka amin' ny fananany rehetra izy.

51 Fa raha manao anakampo ilay mpanompo ratsy hoe: ^aMampitaredretra ny fiaviany ny tompoko,

37d TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

38a F&F 35:16.

40a F&F 39:20–21; 49:7.

41a Gen. 6:5.

42a TSM Safo-drano tamin' ny Andron' i Noa.

44a TSM Andro Farany.

b Zak. 13:8.

46a TSM Mpiambina.

49a TSM Matoky.

51a F&F 45:26.

52 Ka hanomboka hikapoka ireo mpiara-manompo aminy izy ary hihinana sy hisotro miaraka amin’ ny mamô,

53 Ny tompon’ izany mpanompo izany dia ho avy amin’ ny andro izay tsy anampoizany azy ary amin’ ny ora izay tsy fantany,

54 Dia handidididy azy izy ary hanome azy ny anjarany any

amin’ ny mpihatsaravelatsihy; any no hisy fitomaniana sy “fikitroha-nify.

55 Ary dia tonga toy izany ny “fiafaran’ ny olon-dratsy, araka ny faminanian’ i Mosesy izay manao hoe: Izy ireo dia hoesorina avy teo anivon’ ny vahoakako; saingy tsy mbola tonga ny fiafaran’ ny tany fa ho avy tsy ho ela izany.

54a Mat. 8:12.
55a 2 Ne. 30:10;

F&F 1:9–10; 29:17.
TSM Izao Tontolo

Izao—Faran’ ny tany.

JOSEPH SMITH—TANTARA

AMPAHANY AMIN'NY TANTARAN' I JOSEPH SMITH MPAMINANY

History of the Church, Boky 1, Toko 1 ka hatramin' ny 5

Milazalaza ny amin' ny firazanany, ny ankohonany ary ny toeram-ponenany teo aloha i Joseph Smith—Nanjaka tao New York andrefana ny fahamaimaizana tsy fahita momba ny fivavahana—Nanapakevitra izy fa hikatsaka fahendrena araka izay atoron' i Jakôba—Niseho ny Ray sy ny Zanaka ary voantso ho amin' ny asa fanompoan' ny mpaminany i Joseph. (Andininy 1–20.)

NOHIO ireo tsaho maro izay naelin' ireo olona ratsy saina sady mpiray tsikombakomba momba ny “fitsanganana sy ny fandrosoan' ny ^bFiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, tsaho izay efa novolavolain' ny mpamorona azy ireny hoentimiady amin' ny toetra maha-Fiangonana azy sy amin' ny fandrosoany eto an-tany—no nahatonga ahy hanoratra ity tantara ity hanazavana ny saimbahoaka, ka ireo mpikatsaka ny fahamarinana rehetra dia mba hahalala ny zava-misy araka izay fitrangany ary araka ny fifandraisany amin' ny tenako sy amin' ny Fiangonana, araka ny fahalalako ireny zavamisy ireny.

2 Ao amin' ity tantara ity no hanehoako amim-pahamarinana sy araka ny marina ireo zavannitranga samihafa misy ifandraisany amin' ity Fiangonana ity, toy izay efa nitranga na toy izay misy amin' izao taona [1838] izao, dia ny taona fahavalo hatramin' ny “fananganana io Fiangonana voalaza io.

3 “Izaho dia teraka tamin' ny taonan' ny Tompontsika, dimy amby valonjato sy arivo, ny andron' ny telo amby roapolo Desambra, tao an-tanànan' i Sharon, fivondronan' i Windsor, Faritanin' i Vermont—Ny raiko, ^bJoseph Smith rainy, dia nandao ny Faritanin' i Vermont ary nifindra tany Palmyra fivondronan' i Ontario (Wayne ankehitriny) ao amin' ny Faritanin' i New York tamin' ny fahafolon' ny taonako teo ho eo. Tokony ho efa-taona taorian' ny nahatongavan-draiko tao Palmyra, dia nifindra monina tao Manchester, tao amin' ny fivondronan' i Ontario ihany izy sy ny ankohonany—

4 Ny ankohonany dia nahitana olona iraka ambin' ny folo, dia i “Joseph Smith raiko; i Lucy Smith ^breniko (izay i Mack, zanakavavin' i Solomon, Mack no

1 1a TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.
b TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an'

ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny.
2a F&F 20:1.
3a TSM Smith, Joseph, zanany.

b 2 Ne. 3:15.
4a TSM Smith, Joseph, rainy.
b TSM Smith, Lucy Mack.

anarany talohan' ny fanambadiany); ireo rahalahiko isany, "Alvin (izay nodimandry ny faha-19 Nôvambra 1823, tamin' ny faha-26 taonany) i 'Hyrum, ny tenako, i^fSamuel Harrison, i William, i Don Carlos; ary ireo anabaviko isany, i Sophronia, i Catherine ary i Lucy.

5 Fotoana fohy taorian' ny taona faharoa nifindranay tao Manchester, dia nisy fahamaimaizana tsy mbola fahita momba ny resaka fivavahana teo amin' ny toerana nonenanay. Nanomboka tamin' ireo Metôdistia izany, saingy vetivety foana dia voakasika avokoa ny teo anivon' ireo antokom-pivavahana rehetra teo amin' ny faritry ny tany. Toa nisy akony marina tokoa teo anivon' ny distrika iray manontolo izany ary sesehena ireo valalabemandry nilatsaka ho mpikambana tamina andiam-pivavahana, izay niteraka sahotaka sy fisarahana tsy dia madinidinika teo anivon' ny vahoaka, fa ny sasany niantso hoe "aIndro, atỳ!" ary ny hafa "Indro, arỳ!" Ny sasany nifanditra ho an' ny finoana Metôdistia, ny sasany ho an' ny Presbiteriana ary ny sasany ho an' ny Batista.

6 Na dia teo aza anefa ny fitiavana lehibe izay nasehon' ireo niova fo tamin' ireto finoana samy hafa ireto tamin' ny fotoan' ny fiovam-pony, mbamin' ny fahazotoana lehibe nasehon' ny mpitondra fivavahana tsirai-

ray avy, izay navitrika tamin' ny famohazana sy ny fampiroboroboana ity fihetseham-po ara-pivavahana mampitolagaga ity, mba hahatonga ny olona tsirairay hiova fo, toy izay nitia-vany hiantsoana izany, ka namela azy ireo hiditra amin' izay antokom-pivavahana tian' izy ireo; nony nanomboka nilatsaka ho mpikambana anefa ireo niova fo, ny sasany tamina andiany iray ary ny sasany tamin' ny iray hafa, dia hita fa ilay toa fihetsika tsara nananan' ireo pretra sy niova fo dia fihamboana ivelany ihany fa tsy tena izy; satria fifanjevoana lehibe sy fihetseham-po ratsy no nanaraka izany—pastera tamina nifanditra pastera, ary niova fo tamina niova fo; hany ka ny fifampitondrana tsarany rehetra, raha toa aza ka nisy izany, dia levona tanteraka tamin' ny "ady antsanga sy ny fifandirana tamin' ny hevitra.

7 Teo amin' ny fahadimy ambin' ny folon' ny taonako aho tamin' izay fotoana izay. Nanaraka ny finoana Presbiteriana ny ankohonan-draiko, ka ny efatra taminy dia nilatsaka ho mpikambana tao amin' io fiangonana io, dia i Lucy reniko, ireo rahalahiko isany, Hyrum sy Samuel Harrison ary i Sophronia anabaviko.

8 Nandritra izany fotoan' ny fisafotofotoana lehibe izany, dia voasarika ho amin' ny fandinihina lalina sy ny fahasahiranana

lehibe ny saiko; nefa na dia lalina sy mazàna lehibe aza ny fihetseham-poko, dia nampalaviriko ny tenako ireny andiany ireny na dia natrehiko matetika araka izay tratra aza ireo fivoriana maro. Rehefa nandeha teo ny fotoana, dia nanjary somary niandany tamin' ny antokom-pivavahana Metôdista ny saiko ary naniry ihany ny hilatsaka ho mpikambana tao aho; saingy lehibe izaitsizy ny fifanjevoana sy ny adilahy teo anivon' ireo fivavahana samy hafa, ka tsy ho vitan' ny tanora toa ahy izay tsy mahalala firy ny momba ny olona sy ny zavatra ny hamantatra marina hoe iza no marina ary iza no diso.

9 Nisy fotoana sasany izay nanaitaitra fatratra ny saiko fa lehibe sy sesilany izaitsizy ny antsoantso sy ny horakoraka. Ny Presbiteriana no tena nanohitra ny Batista sy ny Metôdista, ka nampiasainy avokoa ny herin' ny fandaharan-kevitra sy ny habobo mba hanaporofoana ny hadisoan' izy ireo na farafaharatsiny mba hahatonga ny olona hisaina fa diso izy ireo. Teo ankilany dia toy izany ihany koa ny fahazotoan' ny Batista sy ny Metôdista tamin' ny fiezahana hampanjaka ny foto-pinoany ary hitsipaka ny hafa rehetra.

10 Teo afovoan' izany ady antsanga sy horakoraka teo amin' ny hevitra izany, dia hoy aho mazàna anakampo: Inona no tokony hatao? Iza amin' ireo andiany rehetra ireo no “marina?

Sa miara-diso avokoa izy ireo? Raha marina ny anankiray aminy, dia iza izany? Ary ahoana no hahafantarako azy?

11 Raha mbola noketrehin' ny fahasarotana faran' izay mafy indrindra tokoa aho noho ny fifandiran' ireo mpanindrahindra fivavahana ireo, indray andro aho dia namaky tao amin' ny epistilin' i Jakoba toko voalohany ary ny andininy fahadimy izay mivaky hoe: *Raha misy aminareo tsy manam-pahendrena, dia aoka izy hangataka amin' Andriamanitra izay manome malalaka ho an' ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary homena azy izany.*

12 Na oviana na oviana dia tsy nisy andalan-tsoratra masina nanohina fon' olona tamin-kery kokoa noho ny nanohinan' izany ny foko tamin' izay fotoana izay. Toy ny niditra tamin-kery tany amin' ny tsiratsiraky ny foko rehetra izany. Nieritreritra izany ombieny ombieny aho, satria fantatro fa raha misy olona mila fahendrena avy amin' Andriamanitra, dia izaho izay; satria tsy fantatro izay tokony hatao, ary raha tsy mahazo fahendrena misimisy kokoa noho izay efa nananako tamin' izay aho dia tsy hahafantatra na oviana na oviana; satria ireo mpampianatra fivavahana avy amin' ny antokom-pivavahana samy hafa dia samy “nandray ny andalan-tsoratra masina iray ihany tamin' ny fomba samy hafa, hany ka mandrava ny fahatokian-tena rehetra ny

famahana ny olana amin' ny alalan' ny ^bBaiboly.

13 Farany dia tonga teo amin' ny fanapahan-kevitra aho, fa na izaho tsy maintsy mijanona ao amin' ny haizina sy ny fifangaroan-kevitra, na manao izay atoron' i Jakôba kosa, izany hoe, mangataka amin' Andriamanitra. Farany, dia nanapa-kevitra ny “hangataka amin' Andriamanitra” aho noho ny fiheverana fa raha nomeny fahendrena ireo izay tsy nanana fahendrena ary omeny malalaka fa tsy latsainy, dia mba mahazo manandrana aho.

14 Koa araka izany, noho ny fahatapahan-kevitra ny hangataka amin' Andriamanitra, dia nandeha nitokana tao anaty ala aho mba hanao ny fanandramana. Marainan' ny andro tsara sady mipoaka tamin' izay, tany amin' ny fiandohan' ny lohataonan' ny taona roapolo sy valonjato amby arivo. Sambany nanao andrana toy izany aho teo amin' ny fiainako, fa na dia teo afovoan' ny tebitebiko rehetra aza aho dia tsy mbola nanandrana na oviana na oviana ny nanao ^atonom-bavaka.

15 Nony efa nitokana teo amin' ny toerana izay efa nokasaiko mialoha mba handehanana aho ary nijery ny manodidina ahy ka nahita fa irery aho, dia nandohalika aho ary nanomboka nanolotra an' Andriamanitra ny fanirian' ny foko. Raha vantany vao nanao izany aho, dia

nisy hery nangeja avy hatrany izay nandresy ahy tanteraka sady nanana fahefana mahagaga tamiko izay namatotra ny lelako, hany ka tsy afaka niteny aho. Haizina matevina no niangona manodidina ahy, ary nandritra ny fotoana fohy dia toy ireny voaozona ny ho fongana tampoka ireny no fihevitro ny tenako.

16 Nampiasa ny heriko rehetra anefa aho mba ^ahiantso an' Andriamanitra hanafaka ahy amin' ny herin' ity fahavalo izay nangeja ahy ity, ary tamin' ny fotoana nahavonona ahy indrindra hidina ao amin' ny famoizam-po sy hamela ny tenako ho amin' ny famongorana—tsy ho amin' ny fandranganana foronin' ny saina fa ho amin' ny herin' ilay zavatra tena misy, avy amin' ny tontolo tsy hita maso, izay manana hery mahagaga toy izany, toy izay tsy mbola tsapako tamina olona teo aloha—tamin' izay fotoampahatairana lehibe izay no nahitako andrim-^bpahazavana teo ambonin' ny lohako indrindra, nihoatra ny famirapiratan' ny ^dmasoandro, nidina tsikelikely teo amboniko.

17 Raha vantany vao niseho izany, dia hitako fa nafahana tamin' ny fahavaloko izay efa nihazona ahy aho. Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana, dia ^anahita ^bOlona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratan' sy

12b TSM Baiboly.

13a TSM Vavaka.

14a TSM Vavaka.

16a Mos. 1:20.

^b Asa 26:13.

^d Fan. 1:16.

17a TSM Fahitana.

^b Asa 7:55–56; Kol. 3:1.

TSM Andriamanitra.

ny ^dvoninahiny, nijoro nitsin-gevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin' ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Itỳ no 'Zanako 'fMalalako. Henoy Izy!*

18 Ny tanjoko nandehanako “nanontany ny Tompo dia ny hahafantatra hoe iza amin' ireo antokom-pivavahana rehetra no marina, mba hahafantarako izay hilatsahako ho mpikambana. Koa vantany vao tompon' ny tenako aho ka afaka niteny dia nanontany ireo Olona izay nijoro teo amboniko teo amin' ny hazavana, hoe: iza amin' ireo antokom-pivavahana rehetra no marina (satria tsy tafiditra tao am-poko na oviana na oviana tamin' izay fotoana izay fa diso avokoa izy ireo)—ary iza no tokony hilatsahako ho mpikambana.

19 Novaliany aho fa tsy misy amin' izy ireo izay tokony hila-tsahako ho mpikambana, fa “diso avokoa izy ireo; ary nilaza ilay Olona izay niresaka tamiko fa ny fanekem-pinoany rehetra dia fahavetavetana teo imasony; fa ireo nilaza tena ho mpivavaka ireo dia manana toe-tsaina lomorina avokoa: “fa ^bmanatona Ahy amin' ny molony izy ireo nefa lavitra Ahy ny ^dfony, mam-pianatra ny ^edidin' olombelona ho fotopampianarana izy ireo

sady manana ny ^ffomban' ny toetra araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny.”

20 Norarany indray ny hila-tsahako ho mpikambana ao amin' izy ireo; ary zavatra hafa maro no nolazainy tamiko, ka tsy afaka manoratra izany aho amin' izao fotoana izao. Nony efa nahatsiaro tena aho, dia hitako fa nitsirara tamin' ny lamosiko aho ka niandrindra tamin' ny lanitra. Nony efa lasana ilay hazavana, dia tsy nanana tanjaka aho; nefa tsy ela dia niverina niandalana izany ary nandeha nody aho. Ary raha niankina teo anjorom-patana aho, dia nanontany izay nanjo ahy i Neny. Novaliako izy hoe: “Aza manahy, tsy misy na inona na inona—salama tsara aho.” Dia hoy aho tamin' ny reniko: “Ny tenako manokana dia nianatra fa tsy marina ny Presbiteriana.” Toy ireny efa nahafantatra hatrany amin' ny fiandohan' ny fiainako ireny mihitsy ny “fahavalo fa izaho dia efa natao ho mpanakorontana sy ho mpanelingelina ny fanjakany; fa raha tsy izany, nahoana no miray tsikombakomba hanohitra ahy ny herin' ny haizina? Nahoana ny ^bfanoherana sy ny fanenjehana ahy no nitsangana hanohitra ahy saika tao amin' ny fahazazako mihitsy?

17d TSM Voninahitra.

e TSM Jesoa Kristy.

f Mat. 3:17; 17:5;

3 Ne. 11:7.

18a F&F 6:11; 46:7.

19a Sal. 14.

TSM Apôstazia—

Apôstazian' ny fiangonana Kristiana tany am-piandohana.

b Isa. 29:13–14;

Ezek. 33:30–31.

d TSM Apôstazia—

Apôstazia Faobe.

e Tito. 1:14; F&F 45:29.

f 2 Tim. 3:5.

20a TSM Devoly.

b 2 Ne. 2:11;

F&F 58:2–4.

TSM Fahoriana.

Ny mpitory sasantsasany sy ireo nilaza tena ho mpivavaka dia nitsipaka ny fitantarana ny Fahitana Voalohany—Nivangongo tamin' i Joseph Smith ny fanenjehana—Nijoro ho vavolombelon' ny fisehoan' ilay fahitana izy (andinin' 21–26).

21 Andro vitsivitsy taorian' ny nahazoako io “fahitana io, dia sendra tafaraka tamin' ny anankiray tamin' ireo mpitory teny Metôdista aho, izay tena navitrika tamin' ny fifohazam-panahy voalazako etsy aloha; ary raha niresaka fivavahana taminy aho dia nanararaotra nitantara taminy ny amin' ny fahitana izay efa azoko. Nahatalanjona ahy fatratra ny fihetsiny; tsy nana-maivana fotsiny ny resako izy, fa sady nanebaka izaitsizy no nilaza fa avy amin' ny devoly avokoa izany, fa ny zavatra toy ny ^bfahitana sy ny ^bfanambarana dia tsy misy intsony amin' izao andro izao; fa ireny zavatra rehetra ireny dia nitsahatra niaraka tamin' ny apostoly ka tsy hisy intsony.

22 Hitako vetivety foana anefa fa ny fitantarako ilay tantara dia niteraka fahavoazana goavana ho ahy teo anivon' ireo nilaza tena ho mpivavaka ary anton' ny “fanenjehana lehibe izay tsy nitsaha-nitombo; ary na dia tovolahy ^btsy fantatra, teo anelanelan' ny efatra ambin' ny folo taona sy dimy ambin' ny folo

taona monja aza aho, ka ny toejavatra teo amin' ny fiainana dia nahatonga ahy ho tovolahy tsinontsinona ho an' izao tontolo izao, ireo olona ambony fari-piainana anefa dia nana-marika ahy ihany ka nanaitra ny saim-bahoaka mba hihantsy fanenjehana mangidy; ary izany dia fahita teo anivon' ireo antokom-pivavahana rehetra—tafatambatra izy rehetra mba hanenjika ahy.

23 Nampieritreritra ahy lalina izany tamin' izay, ary efa nampieritreritra ahy matetika hatramin' izay ny mahahafahafa erỳ izany hoe tovolahy tsy fantatra, vao efatra ambin' ny folo taona mahery, ary ambonin' izany, teren' ny fahasahiranana hanana antom-pivelomana tsy zarizary amin' ny asa isan' andro, no heverina ho ampy fahalehibeazana mba hisarika ny sain' ireo lehiben' ny antokom-pivavahana tiam-bahoaka indrindra amin' izao andro izao ka hamohafoha ao amin' izy ireo ny fanahin' ny fanenjehana sy ny fanendrikendrehana miavaivay indrindra. Nefa na hafahafa izany na tsia, dia izany no izy ary izany matetika no nahatonga ahy halahelo fatratra.

24 Na dia teo aza anefa izany, dia zava-nisy ny nahitako fahitana. Neritreretiko hatramin' izay fa nahatsapa tokoa izay tsapan' i “Paoly aho fony izy ^bniaro tena teo anoloan' i Agripa

21a TSM Fahitana
Voalohany.
b TSM Fahitana.
d TSM Fanambarana.

22a Jakoba 5:10–11.
TSM Fanenjehana.
b 1 Sam. 16:7;
Almà 37:35.

24a TSM Paoly.
b Asa 26:1–32.

mpanjaka ka nitantara ny fahitana azony fony izy nahita hazavana sy nandre feo; kanefa dia tsy nisy afa-tsy vitsy no nino azy; nilaza ny sasany fa tsy azo itokiana izy; nilaza ny hafa fa adala izy; dia nesoina sy notsiratsiraina izy. Nefa izany rehetra izany dia tsy nandrava ny nisian' ny fahitana. Nahita fahitana izy; nahafantatra izy fa nahita fahitana ary ny fanenjehana rehetra etỳ ambanin' ny lanitra dia tsy hahova izany; ary na dia nenjehin' izy ireo hatrany amin' ny fahafatesana aza izy dia mbola nahafantatra ary hahafantatra hatramin' ny fara fofonainy fa sady efa nahita hazavana izy no nandre feo niteny taminy, ary izao tontolo izao dia tsy hahatonga azy hihevitra na hino zavatra hafa.

25 Dia toy izany koa tamiko. Nahita hazavana marina tokoa aho, ary teo afovoan' izany hazavana izany, dia nahita "Olona roa aho ary niteny tamiko marina tokoa Izy ireo; ary na dia nankahalaina sy nenjehina aza aho noho ny filazana fa nahita fahitana dia izany anefa no marina; ary raha mbola nanenjika ahy izy ireo, nanaratsy ahy ary nilaza izay teny ratsy rehetra hiampangana lainga ahy noho ny nilazako fa nahita fahitana, dia voasarika aho hiteny anakampo hoe: Nahoana aho no enjehina noho ny filazana ny marina? Nahita fahitana marina tokoa aho; ary iza aho no afaka

hiampitana amin' Andriamanitra, na ahoana izao tontolo izao no mihevitra ny hampandà ahy izay zavatra efa hitako marina tokoa? Fa efa nahita fahitana aho; nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka 'mandà izany aho sady tsy sahy nanao izany; nahafantatra aho farafaharatsiny fa ny fanaovako izany dia hanafintohina an' Andriamanitra, ary ho tonga eo ambany fanamelohana aho.

26 Ankehitriny dia afa-po ny saiko raha ny tontolon' ireo antokom-pivavahana no resahina—fa tsy adidiko ny milatsaka ho mpikambana ao amin' ireny, fa ny mitozo kosa toy ny taloha ambara-panoroana ahy misimisy kokoa. Hitako fa ny "tenivavolombelon' i Jakôba dia marina—fa ny olona izay tsy ampy fahendrena dia mahazo mangataka amin' Andriamanitra ary mahazo sady tsy voalatsa.

Niseho tamin' i Joseph Smith i Môrônia—Ho tsara sy ho ratsy laza any anivon' ny firenena rehetra ny anaran' i Joseph—Nilaza taminy ny amin' ny Bokin' i Môrmôna sy ny amin' ny fiavian' ny Tompo i Môrônia ary nitanisa soratra masina maro—Nambara ny toera-miafin' ireo takela-bolamena. Notohizan' i Môrônia ny fampianarana ny Mpaminany (andininy 27–54).

27 Nanohy ny asa fanaoko

andavanandro eo amin' ny fai-nana aho ambara-pahatongan' ny iraiika amby roapolo Septambra, telo amby roapolo sy valonjato sy arivo, sady niaritra fanenjehana mivaivay avy tamin' ireo olon' ny saranga rehetra, na mpivavaka na tsy mpivavaka, satria nitozo tamin' ny filazana aho fa efa nahita fahitana.

28 Nandritra ny fotoana izay nandalo teo anelanelan' ny fotoana izay nahazoako ilay fahitana sy ny taona telo amby roapolo sy valonjato sy arivo—noho izaho norarana tsy hila-tsaka ho mpikambana amina antokom-pivavahana amin' izao andro izao sady mbola tena tanora fanahy ary nenjehin' ireo izay tokony ho namako ary tokony hitondra ahy araka ny halemam-panahy, ka raha heveriny fa diso aho, dia tokony ho noezahiny tamin' ny fomba mety sy feno fitiavana ny manitsy ahy—dia niatrika ireo karazana “fakampanahy rehetra aho; ary ny fifangaroako tamin' ireo karazana fiarahamonina rehetra dia nahalavo ahy matetika tao amin' ireo hadisoana kidaladala maro, ka nampiseho ny fahalemen' ny fahatanorana sy ny fahosan' ny toetr' olombelona, izay mampalahelo ahy ny milaza fa izany dia nitarika ahy ho amin' ny fakampanahy samihafa, mahatafintohina eo imason' Andriamanitra. Raha mibaboka izany aho, dia tsy tokony hisy hihevitra ahy ho meloka

amin' ny fahotana lehibe na mamohetratra. Ny fironana hahavita ny toy izany dia tsy tao amin' ny toetrako na oviana na oviana. Fa meloka amin' ny hamaivanan-doha kosa aho noho ny fandraisako anjara tsindraindray tamina fiaraha-mikorana, etsetra, izay tsy mifanaraka amin' ny toetra tokony hokolokoloin' ny olona izay ^bvoantson' Andriamanitra, toa ahy voantsony. Nefa tsy ho hafahafa izany amin' izay mahatadidy ny fahatanorako sy mahalala ilay toetrako falifaly ho azy.

29 Vokatry ireny zavatra ireny dia nahatsiaro tena ho meloka aho matetika noho ny fahalemeko sy ny tsy fahatanterahako; ary tamin' ny harivan' ny iraiika amby roapolo Septambra voalaza etsy ambony, rehefa namonjy ny fandriako aho nony alina, dia rafitra “nivavaka sy nitalaho tamin' Andriamanitra Tsitoha ho famelana ny fahotako sy ny hadalako rehetra, ary koa ho fanehoana amiko, mba hahafantarako ny amin' ny toetrako sy ny toerako eo anoloany; satria nananako tanteraka ny fahatokiana ny hahazo toromarika avy amin' Andriamanitra, toy izay efa azoko teo aloha.

30 Raha mbola teo am-piantsoana an' Andriamanitra toy izany aho dia nahita hazavana nipoitra tao an' efitranoko, izay tsy nitsaha-nitombo mandrapahatongan' ny efitranoko hazava bebe kokoa noho ny amin'

28a TSM Fakam-panahy.
b TSM Antso, Antsoin'

Andriamanitra.
29a TSM Vavaka.

ny mitataovovonana ary niara-
ka tamin' izay, dia nisy "olona
niseho teo anilan' ny fandriako
ary nitsingevaheva izy ka tsy
nandia tany ny tongony.

31 Nanao akanjo lava malalaka
ary "fotsy mangatsakatsaka
fatratra izy. Ny hafotsiany dia
mihoatra ny zavatra rehetra izay
efa hitako teto an-tany hatrizao;
sady tsy mino koa aho fa azo
atao izay hahatonga ny zavatra
ny tany ho fotsy sy hamiratra
fatratra toy izany. Nihanjaka
ny tanany ary ny sandriny koa,
hatreo ambony kelin' ny hato-
tanany; nihanjaka ihany koa ny
tongony, ary koa ny ranjony,
hatreo ambony kelin' ny kitro-
keliny. Tsy misarona ihany koa
ny lohany sy ny tendany. Tsi-
karitro fa tsy nisy afa-tsy io
akanjo lava io teny aminy, ary
satria vaky anoloana izany dia
hitako ny tratrany.

32 Tsy ny akanjony ihany no
fotsy izaitsizy fa ny tenany iray
manontolo dia "namirapiratra
tsy hay tantaraina, ary toy ny
^btselatra marina tokoa ny tare-
hiny. Nazava fatratra tokoa ilay
efitrano nefa tsy mbola tena
namirapiratra noho izay mano-
didina avy hatrany ny tenany.
"Raiki-tahotra aho raha vao na-
hita azy; nefa tsy ela dia nandao
ahy ny tahotra.

33 Niantso ahy tamin' ny "ana-
rako izy ary nilaza fa iraka avy
teo anatrehan' Andriamanitra
hankatỳ amiko ary i Môrônia no
anarany; fa manana asa ham-
panaovina ahy Andriamanitra,
fa ho tsara sy ho ratsy laza any
anivon' ny firenena, ny foko
ary ny samy hafa fiteny rehetra
ny anarako, fa sady hankala-
zaina izany no hoharatsiana eo
anivon' ny olon-drehetra.

34 Nilaza izy fa misy "boky
iray milevina, voasoratra amin'
ny ^btakela-bolamena, izay mi-
tahiry ny tantaran' ny mponina
fahiny teo amin' ity kaontinanta
ity sy ny loharano nipoirany.
Nilaza koa izy fa mirakitra ny
"fahafenoan' ny Filazantsara
maharitra mandrakizay izany,
araka ny nanoloran' ny Mpa-
monjy izany ho an' ireo mponi-
na fahiny ireo;

35 Fa misy koa vato roa, ao ana-
ty tandro-bolafotsy—ary ireo
vato ireo, mipetaka eo amin' ny
"saron-tratra iray, no manome
ny antsoina hoe: ^bOrima sy To-
mima—miara-milevina amin'
ireo takelaka; ary ny fananana
sy ny fampiasana ireo vato ireo
no maha-izy azy ny "Mpahita"
tamin' ny andro fahagola na fa-
hiny; ary efa nomanin' Andria-
manitra ireo ho an' ny tanjona
dia ny fandikana ny boky.

30a TSM Anjely; Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

31a Asa 10:30; 1 Ne. 8:5;
3 Ne. 11:8.

32a 3 Ne. 19:25.

TSM Voninahitra.

b Eks. 34:29–35;

Hel. 5:36; F&F 110:3.

d Eks. 3:6;

Etera 3:6–8, 19.

33a Eks. 33:12, 17;

Isa. 45:3–4.

34a TSM Bokin' i

Môrmôna.

b TSM Takela-bolamena.

d TSM Fameranana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

35a Lev. 8:8.

TSM Saron-tratra.

b Eks. 28:30.

TSM Orima sy

Tomima.

d TSM Mpahita.

36 Rehefa avy nilaza ireo zava-tra ireo tamiko izy dia nanomboka nitanisa ireo faminanian' ny "Testamenta Taloha. Notanisainy aloha ny ampahany amin' ny ^bMalakia toko fahatelo; dia notanisainy koa ny ampahany farany amin' io toko io, amin' io faminanianana io ihany, na dia somary niova kely amin' ny fomba famakiantsika azy ao amin' ny Baibolintsika aza izany. Toy izay hitanisa ny andininy fahasivy ambin' ny folo araka ny fivakiny ao amin' ny bokintsika, dia araka izao no nitanisany azy:

37 *Fa indro, avy ny* "andro izay ^bhandoro toy ny fatana fandroana, ary ny mpirehareha rehetra, eny, sy izay rehetra manao ratsy dia hirehitra toy ny ^dvodivary; fa ireo izay avy no handoro azy hoy ny Tompon' ny Maro, ka tsy hisy miangana aminy, na faka na sampana.

38 Ary ankoatra izany dia notanisainy toy izao ny andininy fahatelo amby roapolo: *Indro, hanambara aminareo ny* "Fisoronana amin' ny tanan' i ^bElia aho mialohan' ny fiavian' ny andro lehibe sady mahatahotra, an' ny Tompo.

39 Notanisainy koa tamin' ny fomba hafa ny andininy ma-

naraka: *Ary izy hamboly ao ampon' ny zanaka ny* "fampanantennana natao tamin-drainy ary ny fon' ny zanaka dia ^bhitodika amin-drainy. Fa raha tsy izany dia horavana tanteraka ny tany manontolo amin' ny fiaviany.

40 Ho fanampin' ireo dia notanisainy ny Isaia toko fahiraika ambin' ny folo sady nolazainy fa efa madiva ho tanteraka izany. Notanisainy koa ny Asan' ny Apostoly toko fahatelo ary ny andininy faharoa amby roapolo sy fahatelo amby roapolo, toy izay hita ao amin' ny Testamenta Vaovao. Nolazainy fa i Kristy io "mpaminany io; fa tsy mbola tonga ny andro ka "izay tsy te hihaino ny feony dia ^bharingana tsy ho eo amin' ny olona," sain-gy ho avy tsy ho ela izany.

41 Notanisainy koa ny "Joela toko faharoa, hatreo amin' ny andininy fahavalo amby roapolo ka hatramin' ny farany. Nolazainy koa fa tsy mbola tanteraka izany saingy ho tanteraka tsy ho ela. Ary ankoatra izany dia nolazainy fa ho avy tsy ho ela ny fahafenoan' ny ^bJentilisa. Notanisainy ireo andalan-tso-ratra masina hafa maro ary nomeny ireo fanazavana maro izay tsy hay lazaina etoana.

36a TSM Testamenta Taloha.

^b TSM Malakia.

37a TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.

^b 3 Ne. 25:1–6; F&F 64:23–24.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany; Izaio Tontolo

Izaio—Faran' ny tany.

^d Naho. 1:8–10;

1 Ne. 22:15, 23;

2 Ne. 26:4–6;

F&F 29:9.

38a TSM Fanalahidin' ny

Fisoronana;

Fisoronana.

^b F&F 27:9; 110:13–16.

TSM Elia.

39a Gal. 3:8, 19.

^b TSM Tetiarana;

Famonjena ho an' ny Maty.

40a Deot. 18:15–19.

^b 3 Ne. 20:23; 21:20.

41a Asa 2:16–21.

^b Roma. 11:11–25;

F&F 88:84.

TSM Jentilisa.

42 Nolazainy ahy indray fa rehefa azoko ireo takelaka izay efa noresahiny ireo—fa tsy mbola tonga ny fotoana tokony hahazoako azy ireo—dia tsy tokony hasehoko olona ireo; torak' izany koa ny saron-tratra mbamin' ny Orima sy Tomima, afa-tsy ireo izay handidiany ahy hampisehoana izany ihany; fa raha manao izany aho dia hofongorana. Raha mbola teo ampiresahana tamiko ny momba ireo takelaka izy, dia nosokafana tao "an-tsaiko ny fahitana ka afaka nijery ny toerana izay nametrahana ireo takelaka aho, ary izany dia tena nazava sy niavaka hany ka fantatro indray ilay toerana nony efa notsidihako.

43 Taorian' izany filazana izany aho dia nahita ny hazavana tao an' efitrano ho nanomboka niangona manodidina avy hatrany ny tenan' ilay olona avy niresaka tamiko, ary tsy nitsahatra izany mandra-pahatongan' ny efitrano ho tavela ao anatin' ny haizina indray, afa-tsy izay manodidina azy ihany; ary tampoka teo dia hitako ho toy ny misy lalantsara misokatra, miakatra mivantana any an-danitra, ary nandeha niakatra izy mandra-pidifiny tanteraka ka dia niverina toy ny teo aloha indray, talohan' ny nisehoan' io hazavana avy tany an-danitra io, ny efitrano.

44 Nandrinandry teo aho sady nieritreritra ny amin' ny mampiavaka iny fisehoan-javatra iny

ary nitolagaga fatratra tamin' ny zavatra nolazain' ity iraka hafakely ity tamiko; fa mbola teo "am-pisaintsainana teo aho no nahita tampoka fa nanomboka ho nihanazava indray ny efitranoko ary poa toa izay raha lazaina, dia efa teo anilan' ny fandriako indray ilay iraky ny lanitra teo ihany.

45 Nanomboka indray izy, ka ny zavatra teo ihany, izay efa nolazainy tamin' ny fitsidihany voalohany, tsy misy fiovana na dia kely aza, no nolazainy; rehefa izany dia nampahafantariny ahy ny amin' ny famazana lehibe izay efa ho tonga eto an-tany miaraka amin' ny fandripahana lehibe amin' ny mosary, ny sabatra ary aretimandringana; fa hihatra amin' ny tany, amin' ity taranaka ity ireo famaizana mampangirifiry ireo. Rehefa avy nilaza ireo zavatra ireo izy dia niakatra toy ny efa nataony teo aloha indray.

46 Tamin' izay fotoana izay dia tafalatsaka lalina tao an-tsaiko ireo teny ireo ka nandao ahy ny torimaso ary dia nandrinandry teo aho, ankon' ny hagagana noho ny zavatra hitako sy reko. Akory anefa ny hagagako raha nahita io iraka io ihany indray teo anilan' ny fandriako ary nandre azy nanantitrantitra na namerimberina tamiko indray ny zavatra tetsy aloha ihany; ary nampiany fampitandremana ho ahy izany ka nilazany tamiko fa hanandrana ny "haka

fanahy ahy i ^bSatana (noho ny ankohonan-draiko miaina ao anatin' ny fahantrana) mba hakako ireo takelaka ireo hampanan-karena ahy. Izany no nandrarany ahy ka nilazany ny tsy hananako zavatra hafa hobanjinina, rehefa mahazo ireo takelaka ireo, afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra sy ny tsy ho voataonan' ny ^dhevitra hafa afa-tsy ny fanorenana ny fanjakany; raha tsy izany dia tsy ho azoko ireo.

47 Taorian' io fitsidihana fanintelony io dia niakatra any andanitra indray toy ny teo aloha izy ary namela ahy hisaintsaina indray ny amin' ny mahahafakely ity zavatra vao nodiaviko ity; fa raha vantany vao tafakatra any an-danitra ilay iraky ny lanitra rehefa nandao ahy fanintelony, dia naneno ny akoholahy ary hitako fa efa mby akaiky ny maraina, izany hoe tsy maintsy ho nandany iny alina manontolo iny ny fihaonanay.

48 Fotoana fohy taorian' izay dia niarina avy teo am-pandriana aho, ary toy ny mahazatra dia namonjy ireo asa fanao isan' andro; nefa raha nanandrana ny hiasa toy ny isan' andro aho dia nahita fa kely ny tanjako hany ka tsy nahefa na inona na inona. Tsikaritry ny raiko izay niarania tamiko fa tsy dia tsaratsara aho ka nasainy nody. Dia niainga aho ary ny fikasako dia ny hody any an-trano; kanefa raha iny andeha hihoatra ny

fehin' ilay tanimboly izay nisy anay iny aho dia nandao ahy tanteraka ny tanjako ka tsy afananoatra aho fa niakarapoka tamin' ny tany ary tsy nahatsiaro tena mihitsy nandritra ny fotoana fohy.

49 Ny zavatra tsaroako voalohany dia ny feo niresaka tamiko, niantso ahy tamin' ny anarako. Niandrandra aho ka tazako indray ilay iraka teo ihany, nijoro teo ambonin' ny lohako, voahodidina hazavana toy ny teo aloha. Tamin' izay dia naveriny tamiko indray izay rehetra efa nambarany ahy halina ary nodidiany aho hankany amin-^ddraiko ka hilaza aminy ny amin' ny fahitana sy ireo didy efa azoko.

50 Nankatò aho ka niverina tany amin-draiko tany an-tsaha ary namerina taminy ny zavadrehetra. Namaly ahy izy fa avy amin' Andriamanitra izany ary niteny ahy mba handehanako sy hanaovako araka ny nandidian' ilay iraka. Nandao ny saha aho ary nankany amin' ny toerana izay efa nolazain' ilay iraka tamiko fa nametrahana ireo takelaka; ary satria nazava tsara ilay fahitana efa azoko momba izany, dia fantatro ilay toerana raha vantany vao tonga tany aho.

51 Ao akaikin' ny tanànan' i Manchester, fivondronan' i Ontario, New York, no misy ny ^ahavoana be midadasika sy avo indrindra eo amin' ny manodidina. Tao amin' ny ilany andrefan' io havoana io, tsy dia lavitry

ny tampony, ary tao ambanin' ny vato iray ngezabe no name-trahana ireo takelaka, tao anaty vata vato. Matevina io vato io ary mivohon-tsotro ny afovoany amin' ny tampony ary manifinify kokoa ny sisiny rehetra manodidina, ka ny ampahany afovoany dia tazana mihoatra ny tany, fa saron' ny tany kosa ny sisiny rehetra manodidina.

52 Rehefa avy nanala ny tany aho dia naka fanoitra iray izay natsofoko teo amin' ny sisiny ambanin' ilay vato ka notsindriako kely hanaingako azy. Nojereko ny tao anatiny ary dia hitako tao tokoa ny "takelaka, ny ^bOrima sy ny Tomima ary ny ^dsaron-tratra, araka ny voalazan' ilay iraka. Ny vata izay nitoe-rany dia vato natambatambatra tamina karazana simenitra. Nisy vato roa nitsivalana tao amin' ny fanambanin' ilay vato, ka nipetraka teo ambonin' ireo vato ireo ny takelaka sy ireo zavatra hafa niaraka taminy.

53 Nanandrana ny namoaka azy aho fa noraran' ilay iraka izay nilaza tamiko indray fa tsy mbola tonga ny fotoana hamoahana azy sady tsy mbola ho avy izany raha tsy afaka efa-taona manomboka amin' io fotoana io; fa nolazainy ahy kosa ny tokony hahatongavako eo amin' izany toerana izany rehefa afaka herintaona katroka, manomboka amin' io fotoana io, fa hihaona amiko eo izy, ary ny mbola hanohizako izany hatra-

ny mandra-pahatongan' ny fotoana hahazoako ireo takelaka.

54 Araka izany dia nankeo aloha aho isaky ny faran' ny taona, toy izay efa nandidiana ahy, ary nahita ilay iraka teo hatrany, ary isaky ny mihaona izahay, dia nandray torolalana sy fahalalana avy taminy aho momba izay andeha hataon' ny Tompo sy ny fomba hoenti-mitondra ny "fanjakany amin' ny andro farany.

Nanambady an' i Emma Hale i Joseph Smith—Nandray ny takelabolamena tamin' i Môrônia izy ary nandika ny sasany tamin' ireo soratra—Ireo soratra sy dikan-teny dia nasehon' i Martin Harris an' i Profesora Anthon izay nanao hoe: "Tsy afaka mamaky boky voaisy tombokase aho." (Andininy 55–65.)

55 Noho ny fidiram-bolan' ny raiko tena voafetra, dia voatery izahay nampiasa ny tananay tamin' ny fikaramana isan' andro na tamin' ny fomba hafa, araka izay mety ho hitanay. Indraindray izahay dia tao antrano ary indraindray dia tany ivelany ary tamin' ny alalan' ny asa tsy tapaka no nahafahanay nanana fivelomana ampy.

56 Tamin' ny taona 1823, dia nidonam-pahoriana lehibe ny ankohonan-draiko noho ny fahafatesan' i "Alvin zokiko lahimatea. Tamin' ny volana Ôktôbra 1825, dia niasa tao amin' ny lahiantitra iray atao hoe Josiah Stool, izay nonina

52a Môrm. 6:6.

TSM Takela-bolamena.

b TSM Orima sy

Tomima.

d TSM Saron-tratra.

54a TSM Fanjakan'

Andriamanitra na

Fanjakan' ny Lanitra.

56a F&F 137:5–8.

tao amin' ny fivondronan' i Chenango, Faritanin' i New York, aho. Nandre ny amin' ny toeram-pitrandrahana volafotsy efa nosokafan' ny Espaniôla tao Harmony, fivondronan' i Susquehanna, Faritanin' i Pennsylvania izy; ary talohan' ny nanaramany ahy, dia efa nanao fikarohana mba hahita, raha azo atao, ilay toeram-pitrandrahana ny tenany. Nony efa niara-nonina taminy aho, dia naka ahy mbamin' ireo mpiasany sisa izy hikaroka ilay toeram-pitrandrahana volafotsy, asa izay notohiziko efa saika ho iray volana saingy tsy nisy fahombiazana ny ezakay, ary farany dia resiko lahatra ilay lahiantitra, ka nam-pitsahatra ny fikarohana izany. Avy amin' izany no nisehoan' ny resaka mateza fa efa mpitrandraka volamena aho.

57 Nandritra ny fotoana niasako toy izany dia nipetraka tao amin' Atoa Isaac Hale izay nonina tao an-tanana aho; tao no nahitako an' i "Emma Hale vadiko (izay zanakavaviny). Ny faha-18 Janoary 1827 no nivady izahay, raha mbola niasa ho an' Atoa Staal aho.

58 Noho ny fanohizako ny filazana fa efa nahita fahitana aho, dia mbola narahin' ny "fanenjehana aho, ary ny ankohanan' ny vadiko dia tena nitsipaka ny fanambadianay. Koa voatery aho nitondra azy tany an-toerankafa; dia nandeha izahay ary natao mariazy tao an-tranon'

i Squire Tarbill, tao South Bainbridge, fivondronan' i Chenango, New York. Taorian' ny mariazy dia nandao an' Atoa Staal avy hatrany aho ary nan-kany amin-draiko ary niara-niasa taminy tao amin' ny toeram-pambolena amam-piompiana tamin' io vanim-potoana io.

59 Farany dia tonga ny fotoana ahazoako ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra. Rehefa tonga teo amin' ny toerana nametrahana izany aho ny andron' ny faharoa amby roapolo Septambra fito amby roapolo sy valonjato amby arivo, toy ny efa fanao isaky ny mifarana ny taona iray, dia natolotr' ilay iraky ny lanitra ahy izany miaraka amin' izao fepe-tra izao: zary tompon' andraikitra aminy aho, fa raha avelako ho very izany noho ny tsiram-bina na vokatry ny "tsy fitandremako, dia hofongorana aho; fa raha manao izay tratry ny heriko rehetra kosa aho^b hitahirizana izany ambara-piaviny, izy ilay iraka, haka izany, dia ho voaro izany.

60 Tsy ela dia fantatro ny antony nanomezana ahy fepetra hentitra toy izany mba ho azo antoka ny fitehirizana izany ary ny antony nilazan' ilay iraka fa rehefa tontosako ny zavatra angatahina amiko, dia ho avy izy hitaky izany. Satria raha vantany vao fantatra fa azoko izany, dia nampiasaina ny fanerena mahery vaika indrindra

57a TSM Smith, Emma Hale.

58a TSM Fanenjehana.

59a JS—T 1:42.

b TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.

mba hanesorana izany amiko. Nampiasaina izay tetika rehetra azo foronina hanatanterahana izany. Nihanangidy sy nihamafy kokoa noho ny teo aloha ny fanenjarahana ary nanao andry maso tsy tapaka ny ankamaroany mba hakany izany atỳ amiko, raha azony atao. Nefa noho ny fahendren' Andriamanitra, dia tafajanona soa aman-tsara teo am-pelatanako izany mandrapahavitako taminy izay nangatahina tamiko. Nony tonga haka izany ilay iraka, araka ny nifanarahana, dia natolotro azy izany; ka izy no efa miahny izany hatramin' ny andro androany faharoan' ny volana Mey, valo amby telopolo sy valonjato amby arivo.

61 Mbola nitohy anefa ny fisa-fotofotoana, ary nampiasaina nandritra ny fotoana rehetra ny tsaho mbamin' ny honohono maro tamin' ny fampielezana resaka diso momba ny ankohonan-draiko sy momba ny tenako. Raha tantaraiko ny ampaharivony amin' izany dia hahafeno boky maro. Nanjary tsy hay zakaina tokoa anefa ny fanenjarahana hany ka voaterry nandao an' i Manchester aho ary nandeha niaraka tamin' ny vadiko nankany amin' ny fivondronan' i Susquehanna, ao amin' ny Faritanin' i Pennsylvania. Teo am-piomanana ny handeha—noho izahay tena nahantra ary noho ny fanenjarahana tena romotra ka tsy azo nosain-

tsainina ny mety hiovan' izany—teo anivon' ny fahorianay no nahitanay namana iray, dia ilay rangahy atao hoe “Martin Harris izay tonga tao aminay ary nanome ahy dimampolo Dolara hanampiana anay amin' ny dianay. Atoa Harris dia mpoinina ao amin' ny tanànan' i Palmyra, fivondronan' i Wayne, ao amin' ny Faritanin' i New York, ary mpamboly sady mpiompy manana ny hajany.

62 Noho ity fanampiana tonga ara-potoana ity, dia afaka namonjy ny toerana tiako haleha tao Pennsylvania aho; ary tao-rian' ny fahatongavako tao no nakako tahaka avy hatrany ny endri-tsoratra teo amin' ny takelaka. Maro no nalaiko tahaka taminy ary tamin' ny alalan' ny “Orima sy ny Tomima no nandikako ny sasany taminy, izay nataoko teo anelanelan' ny fotoana nahatongavako tao an-tranon' ny rain' ny vadiko tamin' ny volana Desambra sy ny volana Febroary manaraka.

63 Nisy fotoana nahatongavan' io Atoa Martin Harris voalaza etsy aloha io tao an-tranonay, tamin' ity volana Febroary ity, ka nankany ireo endri-tsoratra izay nalaiko tahaka avy tamin' ireo takelaka ary nitondrany izany nankany an-tanànan' i New York. Fa raha ny momba izay nanjo azy sy ny endri-tsoratra, dia iverenako ny fitantarany ny zavanimitranga, araka ny nitantarany

izany tamiko, izay toy izao manaraka izao:

64 “Nankany an-tanànan’ i New York aho ary nampiseho ireo endri-tsoratra izay efa voadika mbamin’ ny fandikana izany ny Profesora Charles Anthon, rangahy fanta-daza noho ny zava-bitany teo amin’ ny haisoratra. Nilaza ny Profesora Anthon fa marina ilay dikantenany, manaoatra izay dikan-teny avy amin’ ny Egyptiana efa hitany teo aloha. Nasehoko azy tamin’ izay ireo izay tsy mbola voadika ary nolazainy fa Egyptiana, Kaldaika, Asiriaka ary Arabika ireo, ary nolazainy fa tena izy ny endri-tsoratra. Nomeny fanamarihana aho, izay manamarina amin’ ny mponin’ i Palmyra fa ireo endri-tsoratra dia tena izy, ary ny dika teny amin’ ireo izay efa voadika dia marina ihany koa. Nalaiko ilay fanamarihana ka nataoko tao am-paosiko, ary efa andeha hivoaka ny trano aho no nantsoan’ Atoa Anthon hiverina ary nantaniany ny fomba nahitan’ ilay tovolahy fa nisy takelabolamena tao amin’ ny toerana izay nahitany izany. Namaly aho fa ny anjelin’ Andrimanitra no nanambara izany taminy.

65 “Dia hoy izy tamiko: ‘Omeo ahy hojereko ilay fanamarinana teo.’ Araka izany, dia namoaka izany avy tao am-paosiko aho ary nanolotra azy izany; noraisiny izany dia norovitiny ho potipotika, sady nolazainy fa ankehitriny dia tsy misy izany

hoe fanompoan’ ny “anjely izany, fa raha entiko eo aminy ny takelaka dia handika izany izy. Nolazaiko taminy fa ^bvoaisy tombo-kase ny ampahany amin’ ireo takelaka ary norarana aho tsy hitondra izany. Dia namaly izy hoe: ‘Tsy afaka mamaky boky voaisy tombo-kase aho’. Nandao azy aho ary nankao amin’ i Dr. Mitchell izay nana-mafy ny voalazan’ ny Profesora Anthon mikasika ny endri-tsoratra sy ny dikantenany.”

.

*Nitana ny asan’ ny mpitantso-
tra i Oliver Cowdery tamin’ ny
fandikana ny Bokin’ i Môrmôna—
Nandray ny Fisoronana Aharôna
tamin’ i Jaona Mpanao Batisa i
Joseph sy i Oliver—Natao batisa,
natokana ary nandray ny fanahin’
ny faminaniana izy ireo (andinininy
66–75).*

66 Ny andro faha-5 ny volana Aprily 1829 no nahatongavan’ i “Oliver Cowdery tao an-tranoko, ary hatramin’ izay fotoana izay dia tsy mbola nahita azy na oviana na oviana aho. Nolazainy tamiko fa nampianatra tao amin’ ny sekolin’ ny faritra nonenan’ ny raiko izy ary satria anisan’ ireo izay nandefa mpianatra tao amin’ ny sekoly ny raiko, dia nandeha namandrika efitra honenana maharitra tao amin’ ny tranony izy, ary tao no nitantaran’ ny fianakaviako taminy ny toe-javatra nahazoako ireo takelaka, ary araka izany dia tonga izy hanontany ahy.

65a TSM Anjely.
b Isa. 29:11–12;

2 Ne. 27:10;
Etera 4:4–7.

66a TSM Cowdery, Oliver.

67 Roa andro taorian' ny nahatongavan' Atoa Cowdery (ny faha-7 ny volana Aprily izany), dia nanomboka nandika ny Bokin' i Môrmôna aho ary nanomboka nanoratra ho ahy izy.

.

68 Mbola nanohy ny asa fandikana izahay ny volana manaraka (Mey 1829) raha nandeha tao anaty ala, tamin' ny andro iray, mba hivavaka sy hanontany ny Tompo momba ny "batisa ho famelana ny fahotana, izay hitanay voalaza teo ampandikana ireo takelaka. Raha mbola somokotra toy izany izahay, nivavaka sy niantso ny Tompo, dia nidina teo amin' ny "rahon' ny hazavana ny "iraka iray avy any an-danitra, ka sady nametra-tanana taminay izy no nanokana anay nanao hoe:

69 *Ianareo ry mpiara-manompo amiko, amin' ny anaran' ny Mesia, no tolora ko ny "Fisoronana Aharôna, izay mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny an' ny filazantsaran' ny fibebahana ary ny an' ny batisa asitrika ho fame-*

lana ny fahotana; ary izany dia tsy hoesorina na oviana na oviana intsony eto an-tany ambara-panatitry ny zanakalahin' i ^bLevy fanatitra amim-pahamarinana ho an' ny Tompo indray.

70 Nolzazany fa ity Fisoronana Aharôna ity dia tsy manana fahefana hametra-tanana ho "fanomezana ny Fanahy Masina, fa izany dia hatolotra anay any aoriana; ary nodidiany izahay handeha sy hatao batisa, ary nomeny anay ny toromarika hanaovako batisa an' i Oliver Cowdery, ary izy indray avy eo no hanao batisa ahy.

71 Araka izany dia nandeha izahay ary samy natao batisa. Izaho aloha no nanao batisa azy ary taorian' izay, dia izy no nanao batisa ahy—taorian' izay dia nametraka ny tanako teo ambonin' ny lohany aho ary nanokana azy ho amin' ny Fisoronana Aharôna, ary taorian' izay dia izy no nametra-tanana tamiko ary nanokana ahy ho amin' io Fisoronana io ihany—fa izany no nandidiana anay.*

* Mitantara ireny zava-nitranga ireny toy izao i Oliver Cowdery: "Andro izay tsy hohadinoina na oviana na oviana ireny—ny mipetraka mihaino ny feo tononin' ny fitaoman' ny lanitra dia nanaitra ny fankasitrahana lalina indrindra avy tao amin' ity tratra ity! Isan' andro isan' andro dia notohizako tsy an-kiato ny fanoratana izay miloaky ny vavany raha nadikany tamin' ny alalan' ny Orima sy ny Tomima na izay ho nataon' ny Nefita hoe: Ireo fandikana ny tantara na ny rakitsoratra atao hoe 'Ny Bokin' i Môrmôna.'

"Ny milaza, na dia amin' ny teny vitsy aza, ny fitantarana mahaliana, nataon'

68a TSM Batisa.

b TSM Famelana ny Fahotana.

d Nom. 11:25; Etera 2:4–5, 14; F&F 34:7.

e TSM Jaona Mpanao Batisa.

f Fp. 5.

TSM Fametrahan-tanana.

g TSM Fahefana; Manokana.

69a TSM Fisoronana Aharôna.

b Deot. 10:8;

F&F 13; 124:39.

TSM Levy—Ny fokon' i Levy.

70a TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

72 Nilaza ilay iraka izay nitsidika anay tamin' izay fotoana izay ary nanolotra anay ity Fisoronana ity fa i Jaona no anarany, dia ilay atao hoe "Jaona Mpanao Batisa ao amin' ny Testamenta Vaovao, fa izy dia niasa teo ambany fitarihan' i ^bPetera, i ^cJakoba ary i ^eJaona, izay nihazona ny ^ffanalahidin' ny Fisoronana ^gMelkizedeka, dia Fisoronana izay nolazainy fa hatolotra anay amin' ny fotoana mahamety izany, fa izaho dia hatao hoe ^hLoholona voalohany ao amin' ny Fiangonana, ary izy (i Oliver Cowdery) no faharoa. Tamin' ny andron' ny fahadimy amby ny folo ny volana Mey 1829 izahay no natokana teo ambanin' ny tanan' io iraka io ary natao batisa.

73 Taorian' ny fivoahanay teo no ho eo avy tao anaty rano nony efa vita ny batisa, dia tojo fahitana be voninahitra sy lehi-

be avy tamin' ny Raintsika any an-danitra izahay. Raha vantany vao nahavita batisa an' i Oliver Cowdery aho, dia nilatsaka taminy ny "Fanahy Masina, ka nijoro izy ary ^bnaminany zavatra maro izay hitranga tsy ho ela. Ary izao koa, raha vao vantany nahavita batisa ahy izy, dia nahazo koa ny fanahin' ny faminaniana aho ka sady nijoro no naminany ny amin' ny fitsanganan' ity Fiangonana ity sy ireo zavatra maro misy ifandraisany amin' ny Fiangonana sy amin' ity taranaky ny zanak' olombelona ity. Heniky ny Fanahy Masina izahay ka niravoravo tao amin' ny Andriamanitry ny famonjena anay.

74 Rehefa nohazavaina ankehitriny ny sainay, dia nanomboka nosokafana ho an' ny "fahatakaranay ny soratra masina; ary ny ^bhevitra marina sy ny dikan' ireo andalany saro-pantarina

i Môrmôna sy i Môrônia zanany mahatoky, momba ny vahoaka tiana fahiny sady nankasitrahana' ny lanitra dia hihoatra ny tanjoko ankehitriny; koa hahemotro ho amin' ny fotoana ho avy izany, ary toy izay voalazako eo amin' ny teny fampidirana, dia hasiako teny avy hatrany ireo toe-javatra vitsivitsy misy ifandraisany mivantana amin' ny fananganana ity Fiangonana ity, izay mety hahafinaritra ireo an' arivony izay efa nandroso teo anivon' ny fijery ratsin' ireo mpivavaka tery saina sy ny fanendrikendrehin' ireo mpihatsaravelatsihy, mba hanaiky ny filazantsaran' i Kristy.

"Tsy misy olona vory saina, afaka mandika sy manoratra ny toromarika nomena ny Nefita avy teo am-bavan' ny Mpamonjy, momba ny fomba hentitra izay tokony hananganan' ny olona ny Fiangonany, indrindra rehefa naelin' ny fahalovana teo amin' ny fomba sy ny rafitra rehetra manan-kery eo anivon' ny olona ny fisalasalana, ka tsy haniry ny hanana tombontsoa hanehoana ny finiaivan' ny fo amin' ny filevenana ao amin' ny fasana rano, ho fitadiavana fieritreretana tsara amin' ny alalan' ny fitsanganan' i Jesoa Kristy tamin' ny maty.

72a TSM Jaona Mpanao Batisa.

b F&F 27:12–13.

TSM Petera.

d TSM Jakoba, Zanalahin' i Zebedio.

e TSM Jaona, Zanalahin' i Zebedio.

f TSM Fanalahidin' ny Fisoronana.

g TSM Fisoronana Melkizedeka.

h TSM Loholona.

73a TSM Fanahy Masina.

b TSM Faminaniana.

74a TSM Fahatakarana.

b Jao. 16:13.

indrindra dia nambara anay tamin' ny fomba izay tsy nety ho takatray na oviana na oviana fahiny, na tsy noheverinay na oviana na oviana teo aloha. Nandritra izany fotoana izany, dia voatery izahay nitana ny fotoana nandraisanay ny Fisoronana sy nanaovana batisa anay ho zava-miaina, noho ny fanahin' ny fanenjehana izay efa naneho sahady ny tenany teo amin' ny manodidina.

75 Izahay dia norahonana ombieny ombieny ny hotafihan' ny olona izay tsy iza fa ireo

nilaza tena ho mpivavaka. Ary tsy nisy nahasakana ny fikasany hanafika anay afa-tsy ny fitaoman' ny fianakavian' ny rain' ny vadiko (araka ny fitondran' Andriamanitra) izay efa tena nihavana tamiko tokoa ka nanohitra ny fanafihan' ny mpihetra-ketraka ary naniry ny hahazoa-ko manohy ny asa fandikana tsy misy fiatoana sady nanolotra ary nampanantena ny hiaro anay, araka izay tratry ny heriny, amin' ny fihetsika tsy aradalana rehetra.

“Taorian' ny nanoratana ny tantaran' ny asa fanompoan' ny Mpamonjy ho an' ny sisa tavela amin' ny taranak' i Jakôba teo amin' ity kaontinanta ity, dia mora ny nahita fa nandrakotra ny tany ny haizina ary nandrakotra ny sain' ny olona ny haizim-pito, toy izay efa nolazain' ny mpaminany fa hisy. Raha eritreretina lalindalina kokoa izany, dia mora ny nahita fa teo afovoan' ny adilahy sy ny tabataba lehibe momba ny fivavahana, dia tsy nisy olona nanana fahefana avy tamin' Andriamanitra mba hanatanteraka ireo ôrdônansin' ny Filazantsara. Fa mety ho velona ny fanontaniana hoe: manana fahefana hanatanteraka amin' ny anaran' i Kristy ve ireo olona izay mandà ny fanambarana kanefa ny Tenivavolombelony dia tsy latsaka noho ny fanahin' ny faminaniana ary ny Fivavahany dia mifototra, miorina ary tohanan' ny fanambarana mivantana tamin' ny taona rehetra nananany olona teto an-tany? Raha nalevina sy nafenin' ireo olona fatratra ireny toe-javatra ireny, ireo olona izay ho notandindomin-doza ny fahaizany, raha vantany vao avela hamirapiratra eo imasom-bahoaka izy ireny, dia tsy izany intsony izy ireny ho anay; ary izahay dia tsy niandry afa-tsy ny hanomezana ny didy hoe: ‘Mitsangàna ary aoka hatao batisa.’

“Tsy ela no naniriana izany, dia tanteraka izany. Ny Tompo, izay manan-karena amin' ny famindram-po sy vonona mandrakariva ny hamaly ny fivavaka maharitra ataon' ny manetry tena, rehefa niantso Azy lavitry ny fonenan' ny olona sady tamin-kafanam-po izahay, dia niambany mba haneho taminay ny sitrapony. Tampoka, toy ny avy any afovoan' ny mandrakizay no nanononan' ny feon' ny Mpanavotra fiadanana taminay, raha mbola naingaina ny voaly ary nidina ny anjelin' Andriamanitra, mitafy voninahitra, ary nanolotra ilay hafatra nandrasana fatratra sy ireo fanalahidin' ny Filazantsaran' ny fibe-bahana. Akory ny fifaliana! akory ny hagagana! akory ny fitalanjonana! Raha nisamatsamaka sy jemby izao tontolo izao—raha nitsapatsapa toy ny jamba nanara-drindrina ny an-tapitrisany ary raha niantehitra tamin' ny fisalasalana ny rehetra toy ny sarambamben' ny olona, ny masonay kosa dia nahita, ny sofinay nandre, toy ny fipoaky ny andro; eny, nanoatra aza—nanoatra noho ny fanjelanjelatry ny tara-masoandron' ny volana Mey, izay nampiposaka ny famirapiratan' ny tambonin' ny zava-boary! Tamin' izay ny feony, na dia malefaka aza, dia nandoaka hatrany anaty, ary ny teniny hoe: ‘Izaho, mpiara-manompo aminareo’ dia nampisinda ny tahotra rehetra.

Nihaino izahay, nibanjina ary nitolagaga! Izany ka feon' ny anjely avy any amin' ny voninahitra, izany ka hafatra avy any amin' ny Avo Indrindra! Ary teo am-pihainoana, dia nifaly izahay raha mbola nandrehitra ny fanahinay ny Fitiavany ary nosalobonina tao amin' ny fahitana ny Tsitoha izahay! Aiza ny toeran' ny fihambahambana? Tsy nisy na taiza na taiza izany; efa nandositra ny fisalasalana, efa nilentika ka tsy nipoitra intsony ny fihambahambana, raha nandositra mandrakizay kosa ny anganongano sy ny fahadisoam-panantenana.

"Ry rahalahy malala, eritrereto, eritrereto lalina mandritra ny fotoana fohy izany fifaliana nameno ny fonay, ny fahatairana nahatonga anay hitsaoka (fa iza no tsy hampilefitra ny lohaliny noho ny fitahiana toy izany?) rehefa nandray ny Fisoronana Masina teo ambanin' ny tanany izahay fony izy niteny hoe: 'Ianareo ry mpiara-manompo amiko, amin' ny anaran' ny Mesia, no tolorako ity Fisoronana ity sy ity fahefana ity izay hitoetra eto an-tany mba hahazoan' ny Zanakalahin' i Levy manatitra indray fanatitra amim-pahamarinana ho an' ny Tompo!'

"Tsy hanandrana ny handoko aminareo ny zavatra tsapan' ity fo ity aho, na ny hatsaran' ny fiandrianana sy ny voninahitra izay nanodidina anay tamin' izay fotoana izay; fa hino ahy kosa ianareo rehefa milaza aho fa na ny tany na ny olona omban' ny fahaiza-mitenin' ny fotoana dia tsy afa-manomboka mampihaingo fiteny amin' ny fomba mahaliana sy fanaperana indrindra toy ity olona masina ity. Tsia; sady tsy ananan' ity tany ity hery hanome fifaliana, hanolotra fiadana-na, na hahatakatra ny fahendrena izay voarakitra eo amin' ny fehezanteny tsirairay notononina tamin' ny herin' ny Fanahy Masina! Afaka mamitaka ny namany ny olona, ny fitaka dia mety handimby ny fitaka ary ireo zanak' ilay ratsy dia mety hanana hery hanangolena hatramin' ny farany ny adala sy ny tsy mahay, mandra-pahavoky ny maro amin' ny anganongano, ary ny voan' ny lainga dia hifaoka ny fohy fisainana hivarina any am-pasana; saingy fikasihana iray avy amin' ny rantsantanam-pitiavany, eny, tara-boninahitra iray avy any amin' ny tontolo any ambony, na teny indraim-bava avy amin' ny Mpamonjy, avy any an-tratran' ny mandrakizay, dia mamely izany rehetra izany ho tsinontsinona ary mamafa izany mandrakizay ao an-tsaina. Ny fahazoana toky fa teo anatrehan' ny anjely izahay, ny fahalalana marina fa nandre ny feon' i Jesoa sy ny fahamarinana tsy voaloto nikoriana avy tamina olona madio, notononina noho ny sitrapon' Andriamanitra, dia tsy hay tantaraina amiko, ary hiandrandra mandrakariva ity fanehoana ny hatsaram-pon' ny Mpamonjy ity amin' ny fahagagana sy ny fanateran-tsaotra aho raha mbola avela hitoetra; ary any amin' ireo fonenana izay itoeran' ny fanaperana sy tsy ahatongavan' ny fahotana na oviana na oviana no antenaiko hiderana amin' ny andro izay tsy hitsahatra na oviana na oviana." — *Messenger and Advocate*, Boky 1 (Ôktôbra 1834), pejy 14–16.

IREO FANEKEM-PINOANA

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

History of the Church, Boky 4, pejy 535–541

MINO an' ^bAndriamanitra, Milay Ray Mandrakizay, isika ary mino an' i Jesoa Kristy ^dZanany sy ny ^eFanahy Masina.

2 Mino isika fa hofaizina noho ny ^afahotany ihany ny olona fa tsy noho ny ^bfandikan-dalàna nataon' i Adama.

3 Mino isika fa noho ny ^aSorompanavotana nataon' i Kristy, dia azo ^bvonjena ny olombelona rehetra, amin' ny ^dfankatoavana ireo ^elalàna sy ^fôrdônansin' ny filazantsara.

4 Mino isika fa ireo fitsipika sy ^aôrdônansy fototra amin' ny filazantsara dia: voalohany, ny ^bFinoana an' i Jesoa Kristy Tompo; faharoa, ny ^dFibebahana; fahatelo, ny ^eBatista asitrika

ho ^ffamelana ny fahotana; fahefatra, ny ^sFametrahan-tanana ho ^bfanomezana ny Fanahy Masina.

5 Mino isika fa tsy maintsy ^avoantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny ^bfaminaniana sy amin' ny alalan' ny ^dfametrahan-tanana, ataon' ireo izay ^emanana fahefana, ny olona iray vao ^fmitory sy manatanteraka ny ^sôrdônansin' ny Filazantsara.

6 Mino ny ^afandaminana mitovy amin' izay nisy tao amin' ny Fiangonana voalohany isika, dia ny ^bapostoly, ^dmpaminany, ^empiandry, mpampianatra, ^fevanjelista, sns—

7 Mino ny ^afanomezam-pahasovana amin' ny ^bfiteny isika, ny ^dfaminaniana, ny ^efanamba-

1a TSM Finoana.

^b TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

^d TSM Andriamanitra—
Andriamanitra

Zanaka; Jesoa Kristy.

^e TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Fanahy Masina;
Fanahy Masina.

2a Deot. 24:16;

Ezek. 18:19–20.

TSM Ampamoahina,
Ampamoaka; Safidy.

^b TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.

3a TSM Sorompanavotana.

^b Môsià 27:24–26;
Mos. 5:9.

TSM Famonjena.

^d TSM Mankatò.

^e TSM Lalàna.

^f TSM Filazantsara.

4a TSM Ôrdônansy.

^b TSM Finoana.

^d TSM Fibebahana.

^e TSM Batisa.

^f TSM Famelana ny
Fahotana.

^g TSM Fametrahan-
tanana.

^h TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

5a TSM Antso, Antsoin'
Andriamanitra.

^b TSM Faminaniana.

^d TSM Fametrahan-
tanana.

^e TSM Fahefana;
Fisoronana.

^f TSM Mitory.

^g Almà 13:8–16.

6a TSM Fiangonana

Marina, Ireo

Famantarana

Ny—Fandaminana
ny Fiangonana.

^b TSM Apostoly.

^d TSM Mpaminany.

^e TSM Eveka.

^f TSM Evanjelista;
Patriarika.

7a TSM Fanomezam-
pahasoavan' ny
Fanahy.

^b TSM Fiteny,
Fanomezam-
pahasoavana amin' ny.

^d TSM Faminaniana.

^e TSM Fanambarana.

rana, ny ^ffahitana, ny ^sfanasitranana, ny ^hfandikan-teny, sns—
8 Mino ny ^aBaiboly ho ^btenin' Andriamanitra isika araka ny ^amahamarina ny dikanteny; mino koa isika fa tenin' Andriamanitra ny ^bBokin' i Môrmôna.

9 Mino ny zava-drehetra izay efa ^anambaran' Andriamanitra isika, izay ambarany ankehitriny, ary mino isika fa Izy dia mbola ^bhanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny Fanjakan' Andriamanitra.

10 Mino isika fa ^ahangonina ara-bakiteny ny Isiraely ary hampodiana indray ny ^bFoko Folo; fa i ^dZiona (ilay Jerosalema Vaovao) dia haorina eo amin' ny kaontinanta Amerikana; fa i Kristy tenany mihitsy no ^ahanjaka ety an-tany; fa ^hhohavaozina ny tany ka handray ny ^svoninahitry ny ^hparadisany.

11 Isika dia mitaky ny ^azo hanompo an' Andriamanitra Tsitoha araka ny ^bbaikon' ny ^afieritreretantsika ary miaiky

fa manana izany zo izany ny olon-drehetra, ka aoka izy ^ahanompo, na manao ahoana na manao ahoana, na aiza na aiza, ary na inona na inona sitrany.

12 Mino ny fanoavana ny mpanjaka isika, ny filoha, ny mpanapaka ary ny mpitsara, amin' ny fankatoavana, ny fanajana ary ny fanohanana ny ^alalàna.

13 Mino isika fa tokony ho ^amarina, ho ^bmahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona, ho mendrika ary ^dhanao soa amin' ny olon-drehetra; afaka milaza marina tokoa isika fa manaraka ny ^afananaran' i Paoly manao hoe—Isika dia mino ny zavatra rehetra, ^fmanantena ny zavatra rehetra, efa niaritra zavatra maro ary manantena ny ho afaka ^shiaritra ny zavatra rehetra. Raha toa ka misy zavatra ^hmendrika, maha-te ho tia, tsara na mendrim-piderana dia mikatsaka ireny zavatra ireny isika.

JOSEPH SMITH.

7f TSM Fahitana.
g TSM Manasitrana.
h 2 Tan. 12:10;
Môrm. 9:7–8.
8a TSM Baiboly.
b TSM Tenin'
Andriamanitra.
d 1 Ne. 13:20–40;
14:20–26.
e TSM Bokin' i
Môrmôna.
9a TSM Fanambarana.
b Amo. 3:7;
F&F 121:26–33.
TSM Soratra Masina—
Faminaniana ny
amin' ny hivoahan'
ny Soratra Masina.
10a Isa. 49:20–22; 60:4;

1 Ne. 19:16–17.
TSM Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.
b TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'
ny Isiraely.
d Etera 13:2–11;
F&F 45:66–67; 84:2–5;
Mos. 7:18.
TSM Jerosalema
Vaovao; Ziona.
e TSM Arivotaona.
f IE toetra tahaka ny
Sahan' i Edena;
Isa. 11:6–9; 35:1–10;
51:1–3; 65:17–25;
Ezek. 36:35.
TSM Paradisa.

g TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
h TSM Voninahitra.
11a F&F 134:1–11.
b TSM Safidy.
d TSM Fieritreretana.
e TSM Fitsaohana.
12a F&F 58:21–23.
TSM Lalàna.
13a TSM Fahamarinan-
toetra; Hitsim-po.
b TSM Fahadiovam-
pitondrantena.
d TSM Fanompoana.
e Filip. 4:8.
f TSM Fanantenana.
g TSM Maharitra.
h TSM Fahatsorana;
Hatsaran-toetra.

NY
TOROLALANA
HO AN' NY
SORATRA
MASINA

TENY FAMPIDIRANA

LISITR' IREO LOHAHEVITRA NALAHATRA
ARAKA NY ABIDIA

FANTINA AVY AMIN' NY BAIBOLY
DIKANTENIN' I JOSEPH SMITH

VANIM-POTOANA SY SARINTANY,
ARY SARY MIFANDRAY
AMIN' NY TANTARAN' NY FIANGONANA

SARINTANY SY SARY AO AMIN' NY BAIBOLY

TENY FANOLORANA

Ny Torolalana Ho an'ny Soratra Masina dia mamaritra ireo fotopampianarana, fitsipika, olona, ary toerana hita ao amin'ny Baiboly Masina, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy. Izany dia manome anao ihany koa ireo andinin-tsoratra masina halalina isaky ny lohahevitra tsirairay. Ny Torolalana dia afaka manampy anao amin'ny fandalinana ny soratra masina na manokana na miaraka amin'ny fianakaviana. Izany dia afaka manampy anao hamaly ireo fanontaniana mikasika ny filazantsara, handalina lohahevitra ao amin'ny soratra masina, hanomana lahateny sy lesona, ary hampitombo ny fahalalanao sy ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara.

Misy fizarana telo ny Torolalana: (1) Lisitr'ireo lohahevitra manaraka ny abidia, (2) Fantina avy amin'ny Dikantenin'ny Baiboly nataon' i Joseph Smith (DJS), (3) Fivoaran'ny Tantaran'ny Fiangonana, saritany, sy sary; ary saritany sy sary momba ny Baiboly.

1. *Lisitr'ireo lohahevitra nalohatra araka ny abidia.* Ity fizarana ity dia manome famaritana fohy ny lohahevitra tsirairay sy ny lisitr'ireo andinin-tsoratra masina tena manan-danja mikasika izany lohahevitra izany. Lalohavana fitanisana fohy sy famintinana soratra masina ny andinin-tsoratra masina tsirairay. Milahatra toy izao manaraka izao ireo andinin-tsoratra masina: Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao, Bokin'i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana, ary Voahangy Lafo Vidy.

2. *Fantina avy amin'ny Baiboly Dikantenin' i Joseph Smith.* Tamin'ny taona 1830, dia nandidy ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo hanomboka hanao ny asa fanitsiana na fandikana ny Dikantenin'ny Baiboly King James. Ny tanjon'ny Mpaminany dia ny hamerina indray ireo fahamarinana mazava sy sarobidy izay very avy tamin'ny lahatsoratra ny Baiboly tany am-piandohana. Vitany ny ankamaroan'ny asa tamin'ny volana Jolay 1833. Kanefa, hatramin'ny 1844 izay taona nahafatesany, dia nanohy nanao fanovana hatrany izy nandritra ny fanomanana ny fanontana ny boky. Na dia tsy vita tanteraka aza ny boky manontolo, ary na dia tsy mbola nankatoavin'ny Fiangonana amin'ny fomba ôfisialy aza izany, dia mirakitra fanampim-panazavana maro ny amin'ny hevitra ny Soratra Masina, ary fitaovana sarobidy hahatakarana ny Baiboly ny Dikantenin'i Joseph Smith. Hita ao amin'ny Torolalana Ho an'ny Soratra Masina ny ankamaroan'ireo fanitsiana manan-danja. (Ho an'ny fanampim-panazavana dia jereo ny lohahevitra "Dikantenin'i Joseph Smith" ao amin'ny Torolalana.)

Ny Baiboly King James no ampiasain'ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin ny Andro Farany ho dikanteniny ôfisialy amin'ny teny Anglisy. Nitana anjara asa lehibe tamin'ny famerenana ho amin'ny laoniny ny filazantsara izany ary mbola mitohy manana anjara toerana lehibe eo anivon'ny firenena maro manerana izao tontolo izao..

3. *Vanim-potoana sy saritany ary sary mifandry amin'ny Tantaran'ny Fiangonana; ary saritany sy sary ao amin'ny Baiboly.* Amin'ny fahafantarana ny jeôgrafian'ireo tany resahina ao amin'ny soratra masina dia afaka ianao hahatakatra bebe kokoa ireo zava-nitranga ao amin'ny soratra masina. Ny Torolalana dia ahitana saritany enin'ireo faritra manan-danja eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana, saritany efatra ambin'ny folon'ireo tany voalaza ao amin'ny Baiboly, ary saritany anankiray an'izao tontolo izao. Raha te-hatita toerana iray dia ampiasao ny fanoroana ho an'ireo saritany mahaliana anao. Ny fanoroana dia manoro anao ilay saritany sy ireo toerana mifandray amin'izany saritany izany. Ireo sary 18 momba ny tantaran'ny Fiangonana sy ireo sary 32 momba ny Baiboly dia ahitana koa fana-

zavana izay manampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo zava-nitranga sasantsa-sany ao amin'ny soratra masina.

Ny Fivoaran'ny Tantaran'ny Fiangonana dia ahitana lisitra misy ireo datin'ny zava-nitranga manan-danja tamin'ny famerenana ho amin'ny laoniny sy ny fan-drosoan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Mba hanampiana anao bebe kokoa amin'ny fandinihanao ny soratra masina, ny Torolalana dia ahitana lafiny mahasoa hafa maro. Ohatra, raha mijery ny teny hoe "Jesoa Kristy" ianao dia hahita lisitra feno momba ny lohahevitra tsirairay ao amin'ny Torolalana, izay manome ny filazalazana misy ifandraisany mivantana amin'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany. Io no hany matoan-kevitra ao amin'ny Torolalana manana lisitra mivalampatra toy izany, ka mampisongadina ny maha-zava-dehibe an'ny Kristy ho an'ny olombelona rehetra. Ankoatra izany dia eo ambanin'ny matoan-kevitra hoe "Haivanimpotoana" no nalahatra ny sasany amin'ireo zava-niseho manan-danja indrindra tamin'ny fotoanan'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna, mbamin'ny daty heverina ho nitrangany. Ny matoan-kevitra hoe "Filazantsara" dia ahitana ny firindran'ireo Filazantsara. Izany firindrana izany dia mampitaha ny fampianaran'ny Mpamonjy izay hita ao amin'ny Matio, Marka, Lioka, Jaona ary ny fanambaran'ny andro farany.

Ireto ny fanafomezana ny anaran'ireo boky ao amin'ny soratra masina araka izay ampiasaina ao amin'ny Torolalana:

Testamenta Taloha		Obadia	Oba.
Genesisy	Gen.	Jona	Jona
Eksodosy	Eks.	Mika	Mika
Levitikosy	Lev.	Nahoma	Naho.
Nomery	Nom.	Habakoka	Hab.
Deuteronomia	Deot.	Zefania	Zef.
Josoa	Jos.	Hagay	Hag.
Mpitsara	Mpits.	Zakaria	Zak.
Rota	Rota	Malakia	Mal.
1 Samoela	1 Sam.		
2 Samoela	2 Sam.	Testamenta Vaovao	
1 Mpanjaka	1 Mpan.	Matio	Mat.
2 Mpanjaka	2 Mpan.	Marka	Mar.
1 Tantara	1 Tan.	Lioka	Lio.
2 Tantara	2 Tan.	Jaona	Jao.
Ezra	Ezra	Asan'ny Apostoly	Asa
Nehemia	Neh.	Romana	Roma.
Estera	Est.	1 Korintiana	1 Kor.
Joba	Joba	2 Korintiana	2 Kor.
Salamo	Sal.	Galatiana	Gal.
Ohabolana	Ohab.	Efesiana	Ef.
Mpitoriteny	Mpito.	Filipiana	Filip.
Tononkiran'i Solomona	Ton.	Kolosiana	Kol.
Isaia	Isa.	1 Tesaloniana	1 Tes.
Jeremia	Jer.	2 Tesaloniana	2 Tes.
Fitomaniana	Fit.	1 Timoty	1 Tim.
Ezekiela	Ezek.	2 Timoty	2 Tim.
Daniela	Dan.	Titosy	Tito.
Hosea	Hosea	Filemona	Filem.
Joela	Joe.	Hebreo	Heb.
Amosa	Amo.	Jakoba	Jak.

1 Petera	1 Pet.	3 Nefia	3 Ne.
2 Petera	2 Pet.	4 Nefia	4 Ne.
1 Jaona	1 Jn.	Môrmôna	Môrm.
2 Jaona	2 Jn.	Etera	Ete.
3 Jaona	3 Jn.	Môrônia	Môrô.
Joda	Joda		
Fanambarana	Fan.		
		Fotopampianarana sy	
		Fanekempihavanana	F&F
Bokin' i Môrmôna		Filazana Ofisialy—1	FO—1
1 Nefia	1 Ne.	Filazana Ofisialy—2	FO—2
2 Nefia	2 Ne.		
Jakôba	Jkb.	Voahangy Lafo Vidy	
Enôsa	Enô.	Mosesy	Mos.
Jarôma	Jar.	Abrahama	Abr.
Ômnia	Ômn.	Joseph Smith—Matio	JS—M
Tenin' i Môrmôna	TiM	Joseph Smith—Tantara	JS—T
Môsià	Môsià	Ireo Fanekem-pinoana	Fp.
Almà	Almà		
Helamàna	Hel.	Dikantenin' i Joseph Smith	DJS

LISITR' IREO LOHAHEVITRA NALAHATRA ARAKA NY ABIDIA

Fomba fampiasana azy: Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina dia lisitr' ireo matoan-kevitra ao amin' ny filazantsara, nalahatra araka ny abidia. Izany dia manome famaritana fohy ny matoan-kevitra tsirairay mbamin' ireo toko sy andininy manan-danja indrindra momba ilay matoan-kevitra. Ialohavan' ny teny nindramina fohy na ny famintinana ny soratra masina ny toko sy andininy tsirairay. Ny toko sy ny andininy ao amin' ny soratra masina dia miseho araka izao filaharany izao: Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao, Bokin' i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary Voahangy Lafo Vidy. Ity sarinteny manaraka ity dia manazava santionana teny ao amin' ny lisitra:

Ny Matoan-kevitra dia amin' ny ranomainty matevina sady sora-baventy. — **TANY.** *Jereo koa Fahariana; Izao Tontolo Izao*

Misy ny famaritana fohy ny matoan-kevitra tsirairay.

Manana famenony ny matoan-kevitra sasany. Ireny dia atao sora-mandry.

Ao anaty fonon-teny ireo toko sy andininy ao amin' ny soratra masina, izay manampy anao hahazo ny famaritana.

Indraindray dia tsy tafiditra ao amin' ny matoan-kevitra zahanao ny filazalazana momba ny lohahevitra iray. Ny teny hoe *jereo* atao sora-mandry dia mitarika anao ho any amin' ny matoan-kevitra izay ahitana ilay filazalazana.

Ny planeta izay onenantsika, noharian' Andriamanitra tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, mba hampiasain' ny olona mandritra ny fizahan-toetra eto antany. Ny tanjony farany dia ny hanjary be voninahitra sy hasandratra (F&F 77:1–2; 130:8–9). Ny tany dia hanjary lova mandrakizay ho an' ireo izay efa niaina mba ho mendrika ny voninahitra selestialy (F&F 88:14–26). Hankafy ny fanatrehan' ny Ray sy ny Zanaka izy ireo (F&F 76:62).

Nohariana ho an' ny olona: Nomen' Andriamanitra ny olona ny fanapahana ny tany, **Gen.** 1:28 (Mos. 2:28). An' ny Tompo ny tany, **Eks.** 9:29 (Sal. 24:1). Efa nomen' ny Tompo ny zanak' olombelona ny tany, **Sal.** 115:16. Izaho no nanao ny tany sy nahary ny olona eo amboniny, **Isa.** 45:12. Tamin' ny herin' ny teniny no nahatongavan' ny olona teto an-tany, **Jkb.** 4:9.

TESTAMENTA. *Jereo Testamenta Taloha; Testamenta Vaovao*

TETIARANA. *Jereo Batisa—Batisa ho an' ny maty*

Indraindray dinihinao ireo matoan-kevitra hafa ao amin' ny torolalana dia misy filazalazana izay mifandray amin' ny matoan-kevitra.

Ny toko sy andininy voalaza ao amin' ny soratra masina dia omena anaty fonon-teny.

Ny toko sy andininy tsirairay dia ialohavan' ny teny nindramina fohy avy ao amin' ny soratra masina na ny famintinana ny soratra masina.

Ny teny hoe *jereo* (na *jereo koa*) atao sora-mandry arahin' ity tsipi-panohizana ity dia manambara aminao fa hita ao amin' ny fameno ("Batisa ho an' ny maty") ho an' ny matoan-kevitra fototra ("Batisa") ilay filazalazana.

ABED-NEGO. *Jereo koa Daniela*

Ao amin' ny Testamenta Taloha, i Sadra, i Mesaka ary i Abed-Nego dia tanora Isiraelita telo, izay niara-nentina tamin' i Daniela ho ao an-dapan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylo-na. Ny anaran' i Abed-Nego amin' ny fiteny Hebreo dia Azaria. Nolavin' ireo tanora efa-dahy ny handoto ny tenany amin' ny fihinanana amin' ny hanina sy ny divain' ny mpanjaka (Dan. 1). Natsipin' ny mpanjaka tao amin' ny lafaoro misy afo mirehitra i Sadra, i Mesaka ary i Abed-Nego fa narovan' ny Zanak' Andriamanitra (Dan. 3).

ABELA. *Jereo koa Adama; Kaina*

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Adama sy i Eva.

Nanatitra ho an' Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an' i Kaina rahalahiny, **Gen.** 4:4–5 (Heb. 11:4; Mos. 5:16–21). Novonoin' i Kaina, **Gen.** 4:8 (Mos. 5:32). Nandray ny fisoronana avy tamin' i Adama, **F&F** 84:16. Nioko niaraka i Kaina sy i Satana mba hamono an' i Abela, **Mos.** 5:28–31 (Hel. 6:27).

ABINADIA. *Jereo koa Maritiora*

Mpaminany Nefita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Naminany fa hofaizin' Andriamanitra ny vahoakan' i Noà Mpanjaka mamohetra raha tsy mibebaka, **Môsià** 11:20–25. Naiditra am-ponja noho ny naminaniany ny famongorana an' i Noà Mpanjaka sy ny vahoakany, **Môsià** 12:1–17. Nampianatra an' ireo mpisorona mamohetr' i Noà Mpanjaka ny amin' ny lalàn' i Mosesy sy ny amin' i Kristy, **Môsià** 12–16. Almà Rainy dia nino sady nanoratra ny teniny, **Môsià** 17:2–4. Nodoran' i Noà Mpanjaka ho faty, **Môsià** 17:20.

ABRAHAMA. *Jereo koa*

Fanekempihavanan' i Abrahama

Zanakalahin' i Tera, teraka tao Oran' ny Kaldeana (**Gen.** 11:26, 31; 17:5). Mpaminanin' ny Tompo izay nifanao-

van' ny Tompo fanekempihavanana naharitra mandrakizay, ka amin' iza-ny no itahiana ny firenena rehetra etỳ an-tany. Abrama no anaran' i Abrahama tany am-piandohana.

Nifindra tao Harana izay nahafatesan' i Tera, **Gen.** 11:31–32 (**Abr.** 2:1–5). Nantsoin' Andriamanitra handeha ho any Kanana ary handray ny fanekempihavanana avy amin' Andriamanitra, **Gen.** 12:1–8 (**Abr.** 2:4, 15–17). Nandeha tany Egypta, **Gen.** 12:9–20 (**Abr.** 2:21–25). Nonina tao Hebrona, **Gen.** 13:18. Nanavotra an' i Lota, **Gen.** 14:1–16. Nihaona tamin' i Melkizedeka, **Gen.** 14:18–20. Niteraka an' i Ismaela zanakalahiny i Hagara, **Gen.** 16:15–16. Novaina ho Abrahama ny anarany, **Gen.** 17:5. Nilazan' ny Tompo i Abrahama sy i Saraha fa hiteraka zazalahy, **Gen.** 17:15–22; 18:1–14. Niteraka an' i Isaka, zanakalahiny i Saraha, **Gen.** 21:2–3. Nodidina hanao sorona an' i Isaka, **Gen.** 22:1–18. Maty i Saraha ary nalevina, **Gen.** 23:1–2, 19. Maty i Abrahama ary nalevina, **Gen.** 25:8–10. Ny fahavononan' i Abrahama hanatitra an' i Isaka dia tandindon' Andriamanitra sy ny Zanany Lahitokana, **Jkb.** 4:5. Nandao fahafolonkarena tamin' i Melkizedeka, **Almà** 13:15. Nahita mialoha ary vavolombelona nanambara ny amin' ny fiavian' i Kristy, **Hel.** 8:16–17. Nandray ny fisoronana avy tamin' i Melkizedeka, **F&F** 84:14. Tonga taranak' i Abrahama izay mahatoky, **F&F** 84:33–34. (**Gal.** 3:27–29). Nandray ny zava-drehetra tamin' ny alalan' ny fanambarana, **F&F** 132:29. Nahazo ny fisandratany, **F&F** 132:29. Nikatsaka ny hahazo ny fitahian' ireo ray sy ny fanendrena ho amin' ny fisoronana, **Abr.** 1:1–4. Nenjehin' ireo mpisorona sandoka Kaldeana, **Abr.** 1:5–15. Novonjen' ny Tompo, **Abr.** 1:16–20. Nianatra momba ny masoandro, ny volana ary ny kintana, **Abr.** 3:1–14. Nianatra momba ny talohan' ny fiainana an-tany sy ny Fahariana, **Abr.** 3:22–28.

Ny bokin' i Abrahama: Rakitsoratra

tranainy nosoratan' i Abrahama izay lasa fananan' ny Fiangonana tamin' ny taona 1835. Ny rakitsoratra sy ireo faty maina vitsivitsy dia hitan' i Antonio Lebolo, tao amin' ny zohim-pasana Egyptiana, izay nampandova azy ireo an' i Michael Chandler. Nampiranty azy ireo tany Etazonia i Chandler tamin' ny taona 1835. Naman' i Joseph Smith vitsivitsy no nividy azy ireo tamin' i Chandler ary nanome azy ireo ho an' ny Mpaminany izay nandika azy ireo. Hita ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ankehitriny ny sasany amin' ireo rakitsoratra ireo.

Toko 1 dia mirakitra ny fiainana nodiavin' i Abrahama tao Oran' ny Kaldeana, izay nanandraman' ireo mpisorona ratsy fanahy hanaovana sorona azy. Toko 2 dia mitantara ny diany ho any Kanana. Niseho taminy ny Tompo ary nanao fanekempihavanana taminy. Toko 3 dia mirakitra fa nahita ny tontolo i Abrahama ary nahatakatra ny fifandraisan' ireo zavatra ny lanitra. Toko 4–5 fitantarana iray hafa ny amin' ny Fahariana.

Ny taranak' i Abrahama: Olona izay mandray, noho ny fankatoavany ny lalàna sy ny ôrdônansin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, ireo fampanantenana sy fanekempihavanana nifanaovan' Andriamanitra tamin' i Abrahama. Mety handray ireo fitahiana ireo ny lehilahy sy ny vehivavy raha avy amin' ny taranak' i Abrahama ara-bakiteny izy ireo na raha miditra ho fianakaviany amin' ny fanekena ny filazantsara ary atao batisa (Gal. 3:26–29; 4:1–7; F&F 84:33–34; 103:17; 132:30–32; Abr. 2:9–11). Mety hamoy ny fitahiana azony ireo taranak' i Abrahama ara-bakiteny noho ny tsy fankatoavany (Rom. 4:13; 9:6–8).

ABRAMA. *Jereo* Abrahama

ADAMA. *Jereo* koa Adama-Ondia-Amàna; Arianjely; Edena; Eva; Fahalavoan' i Adama sy i Eva; Mikaela

Ny lehilahy nohariana voalohany teto an-tany.

Adama no Patriarika sady rain' ny taranak' olombelona eto an-tany. Ny fandikan-dalàna nataony tao amin' ny Saha Edena (Gen. 3, F&F 29:40–42; Mos. 4) dia nahatonga azy ho “lavo” ary hanjary mety maty, izay dingana nilaina mba hivoaran' ny olombelona eto an-tany (2 Ne. 2:14–29; Almà 12:21–26). Koa tokony homem-boninahitra i Adama sy i Eva noho ny anjara noraisiny izay nahatonga ny fivoarantsika mandrakizay ho azo tanterahina. Adama no ilay Fahagolan' ny Andro ary fantatra koa amin' ny hoe Mikaela (Dan. 7; F&F 27:11; 107:53–54; 116; 138:38). Izy no ilay arianjely ary ho avy eto an-tany indray amin' ny mahapatriariky ny fianakavian' olombelona azy, ho fanomanana ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany (F&F 29:26).

Noharian' Andriamanitra tahaka ny endriny ny olona, **Gen.** 1:26–28 (Mos. 2:26–28; Abr. 4:26–28). Nanome ny olona ny fanapahana amin' ny zavadrehetra Andriamanitra ary nandidy azy hihamaro sy hameno ny tany, **Gen.** 1:28–31 (Mos. 2:28–31; Abr. 4:28–31). Nampitoetra an' i Adama sy i Eva tao amin' ny Saha Edena Andriamanitra ary nandrara azy ireo tsy hihinana amin' ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy, **Gen.** 2:7–9, 15–17 (Mos. 3:7–9, 15–17; Abr. 5:7–13). Nomen' i Adama anarana ny zavamananaina rehetra, **Gen.** 2:19–20 (Mos. 3:19–20; Abr. 5:20–21). Nakamban' Andriamanitra tamin' ny fanambadiana i Adama sy i Eva, **Gen.** 2:18–25 (Mos. 3:18–25; Abr. 5:14–21). Nalain' i Satana fanahy i Adama sy i Eva, ka nihinana tamin' ny voankazo voarara ary noroahina hiala ny Saha Edena, **Gen.** 3 (Mos. 4). 930 taona i Adama vao maty, **Gen.** 5:5 (Mos. 6:12). Adama no lehilahy voalohany, **F&F** 84:16. Talohan' ny nahafatesany dia niantso ny taranany marina mba hiangona ao Adama-Ondia-Amàna i Adama ka nitso-drano azy, **F&F** 107:53–57. Nanatitra fanatitra i Adama, **Mos.** 5:4–8. Adama dia natao batisa, nandray ny Fanahy Masina ary natokana ho amin' ny fisoronana, **Mos.** 6:51–68.

ADAMA-ONDIA-AMÀNA. *Jereo*
koa Adama

Ny toerana nitsofan' i Adama rano ny taranany marina telo taona talohan' ny nahafatesany (F&F 107:53–56) ary hahatongavany mialohan' ny Fiavianana Fanindroany (F&F 116).

ADIDY. *Jereo koa Mankatò*

Ao amin' ny soratra masina: raharaha, asa na andraikitra, mazàna omen' ny Tompo an' ireo mpanompony.

Tandremo ny didiny: fa izany avokoa no adidin' ny olona, **Mpito.** 12:13. Inona moa no takin' ny Tompo aminao afa-tsy ny hanao ny marina, **Mika** 6:8. Tokony hankatò an' Andriamanitra mihoatra noho ny olona isika, **Asa** 5:29. Nokapohina tamin' ny fahoriana izy mba hanairana azy hahatsiaro ny adidiny, **Môsià** 1:17. Voasoritsoritra ireo andraikitra ny loholona, mpisorona, mpampianatra ary diakona, **F&F** 20:38–67. Tokony hisahana ny adidy rehetra ao amin' ny fianakavianana ireo mpihazona ny fisoronana, **F&F** 20:47, 51. Voasoritsoritra ireo andraikitra ny mpikambana aorian' ny batisa, **F&F** 20:68–69. Tokony hiandry mandritra ny fotoana fohy ny loholoko mba hahafantaran' ny oloko tsaratsara kokoa ny adidiny, **F&F** 105:10. Aoka ny olona tsirairay hianatra ny adidiny, **F&F** 107:99–100.

ADY. *Jereo koa*
Fandriampahalemana

Fifanandrinana na fifanoherana mitampiadiana; ady ampiasana fitaovampiadiana. Ny hany ady eken' ny Tompo dia ny ady izay vahaolana farany ananan' ny olomasiny hiarovana ny ankohonany, ny fananany, ny zony, ny tombontsoany ary ny fahafahany (**Almà** 43:9, 45–47).

I Môrônia dia nikatsaka hiaro ny olony, ny zony sy ny firenany ary ny fivavahany, **Almà** 48:10–17. Nahazo fanambarana sy faminiana mikasika ady i Joseph Smith, **F&F** 87. Atsaharo ny ady ary mitoria fandriampahalemana, **F&F**

98:16, 34–46. Mino isika fa ny olona dia manana ny marina rehefa miaro ny tenany, ny namany ary ny fananany sy ny governemantany, **F&F** 134:11. Isika dia mino ny fankatoavana, ny fanajana ary ny fanohanana ny lalàna, **Fp.** 1:12.

ADY TANY AN-DANITRA. *Jereo*
koa Fiainana Talohan' ny
Fiainana An-tany; Fivoriana Tany
An-danitra

Ny fifanoherana izay nisy teo anivon' ireo fanahy zanak' Andriamanitra tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana.

Nazera avy any an-danitra ho etỳ antany i Satana, **Fan.** 12:4, 7–9. Nazera ny devoly sy ny ampahatelon' ny lanitra, **F&F** 29:36–37. Nikomy tamin' ny Zanaka Lahitokana i Losifera, **F&F** 76:25–26. I Satana dia nitady ny voninahitry ny Ray ary nikatsaka ny handrava ny safidin' ny olona, **Mos.** 4:1–4 (**Isa.** 14:12–15; **Abr.** 3:27–28). Ireo izay nanaraka an' Andriamanitra dia nitana ny toetrany voalohany, nanketỳ an-tany ary nandray vatana, **Abr.** 3:26.

AFAKA. *Jereo koa Fahababoana;*
Fahalalahana; Safidy

Fahafana na fahaizan' ny tena manao safidy tsy misy fanerena. Eo amin' ny heviny ara-panahy: ny olona izay mibebaka sy manao ny sitrapon' Andriamanitra dia afaka amin' ny famatoran' ny ota noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy (**Môsià** 5:8).

Ny marina no hanafaka anareo, **Jao.** 8:32. Ireo izay afaka amin' ny ota no mandray fiainana mandrakizay, **Rom.** 6:19–23. Sampana marina iray avy amin' ny mpianakavin' i Israely no hoentina hiala ny fahababoana ho amin' ny fahafahana, **2 Ne.** 3:5. Niantso ny Tompo ho an' ny fahafahany izy ireo, **Almà** 43:48–50. Môrônia dia nifaly tamin' ny fahafahan' ny taniny, **Almà** 48:11. Ny Fanahin' Andriamanitra no fanahin' ny fahafahana, **Almà** 61:15. Manaraha Ahy, dia ho olona afaka ianareo, **F&F** 38:22.

AFO. *Jereo koa* Batisa; Fanahy
Masina; Helo; Tany—
Fanadiovana ny Tany

Sarin' ny fanadiovana na ny fanamasi-nana. Ny afo koa dia azo ampiasaina ho toy ny sarin' ny fanatrehan' Andriamanitra.

Afo mandevona ny Andriamanitrao, **Deot.** 4:24. Ny Tompo dia manao ny mpanompony ho lelafo miredareda, **Sal.** 104:4. Hamangy azy amin' ny lelafo mandevona ny Tompon' ny Maro, **Isa.** 29:6 (2 Ne. 27:2). Ho avy amin' ny afo ny Tompo, **Isa.** 66:15. Toy ny afon' ny mpandrendrika Izy, **Mal.** 3:2 (3 Ne. 24:2; F&F 128:24). Izy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masina sy amin' ny afo, **Mat.** 3:11 (Lio. 3:16). Hotsimbiny amin' ny alalan' ny afo ny olo-marina, **1 Ne.** 22:17. Haringana amin' ny afo ny olon-dratsy, **2 Ne.** 30:10. Nanazava ny fomba andraisantsika ny batisan' ny afo sy ny Fanahy Masina i Nefia, **2 Ne.** 31:13–14 (3 Ne. 9:20; 12:1; 19:13; Ete. 12:14; F&F 33:11). Hambaranareo amin' ny alalan' ny batisa sy amin' ny alalan' ny afo ny famelana ny fahotana, **F&F** 19:31. Harodan' ny afo mandevona ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko, **F&F** 29:21. Ny tany dia ho levona tahaka ny amin' ny afo, **F&F** 43:32. Ny fanatrehan' ny Tompo dia ho toy ny afo mampiempo, **F&F** 133:41. Natao batisa tamin' ny afo sy ny Fanahy Masina i Adama, **Mos.** 6:66.

AGRIPA. *Jereo koa* Paoly

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, zanakalahin' i Heroda Agripa I ary anadahin' i Berenika sy i Drosila. Izy dia mpanjakan' i Kalsisy, any Libanona. Nihaino an' i Paoly Apostoly izy ary saika resy lahatra ho Kristiana (Asa 25–26; JS—T 1:24).

AHABA. *Jereo koa* Jezebelà

Ao amin' ny Testamenta Taloha: anankiray tamin' ireo mpanjaka mamohetra sy mahery indrindra tamin' i Isiraely avaratra. Izy dia nanambady

an' i Jezebelà, andriambavy Sidonia, izay noho ny heriny no nahatonga ny fanompoana an' i Bala sy i Astarta hanjaka tany Isiraely (1 Mpan. 16:29–33; 2 Mpan. 3:2) ka nisian' ny andrana ho famongorana ireo mpaminany sy ny fiderana an' i Jehovah (1 Mpan. 18:13).

Nanjaka tamin' i Isiraely, tao Samaria, nandritra ny roa amby roapolo taona, **1 Mpan.** 16:29 (1 Mpan. 16–22). Nanao izay ratsy teo imason' ny Tompo, mihoatra noho izay rehetra teo anoloany, **1 Mpan.** 16:30. Maty tany an' ady, **1 Mpan.** 22:29–40.

AHARÔNA, RAHALAHIN' I

MOSESY. *Jereo koa* Fisoronana
Aharôna; Mosesy

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Amrama sy i Jokebeda, avy amin' ny fokom-pirenen' i Levy (Eks. 6:16–20); zanakalahin' i Mosesy (Eks. 7:7).

Notendren' ny Tompo hanampy an' i Mosesy tamin' ny fitondrana ny zanak' i Isiraely hivoaka an' i Egipta ary ho mpitondrateniny, **Eks.** 4:10–16, 27–31; 5:1–12:51. Teo an-Tendrombohitra Sinay no nandraisan' i Mosesy ny toromarika momba ny fanendrena an' i Aharôna sy ny zanakalahiny efatra ho amin' ny Fisoronana Aharôna, **Eks.** 28:1–4. Nanao ombilahikely volamena noho ny fangatahan' ny olona, **Eks.** 32:1–6, 21, 24, 35. Maty teo an-Tendrombohitra Hora tamin' ny faha 123 taonany, **Nom.** 20:22–29 (Nom. 33:38–39). Nohamafisin' ny Tompo tamin' i Aharôna sy ny taranany koa ny fisoronana, **F&F** 84:18, 26–27, 30. Ireo izay milofo amin' ny antson' ny fisoronana dia tonga zanakalahin' i Mosesy sy i Aharôna, **F&F** 84:33–34. Hohamarinin' ny Tompo ny asa marin' ireo izay nantsoin' ny Ray toa an' i Aharôna, **F&F** 132:59.

AHARÔNA, ZANAKALAHIN' I

MÔSIÀ. *Jereo koa* Môsià,
Zanakalahin' i; Môsià,
Zanakalahin' i Benjamîna

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zana-

kalahin' i Môsià Mpanjaka. Nanefa asa fitoriana i Aharôna ka ny ezaka mba-min' ny zotom-pony dia nahatonga olona maro hiova fo ho an' i Kristy.

Tsy mpino izay nikatsaka ny handrava ny Fiangonana, **Môsià** 27:8–10, 34. Niseho taminy sy ny namany ny anjely iray, **Môsià** 27:11. Nibebaka sy nanomboka nitory ny tenin' Andriamanitra, **Môsià** 27:32–28:8. Nandà ny hatao mpanjaka ka nandeha nankany amin' ny tanin' ny Lamanita mba hitory ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 17:6–9. Nifady hanina sy nivavaka mba hotarihin-dalana, **Almà** 17:8–11. Nampianatra ny rain' i Lamônia Mpanjaka, **Almà** 22:1–26. Nandeha nitory tamin' ny Zôramita, **Almà** 31:6–7.

AINA. *Jereo* Fiainana

ALAHADY. *Jereo* Andro Sabata

ALFA SY OMEGA. *Jereo* *koa* i Jesoa Kristy

Alfa no tarehin-tsoratra voalohany amin' ny abidia Grika; Omega no farany. Ireo *koa* no anarana nomena an' i Jesoa Kristy ary ampiasaina toy ny sarin-teny hanehoana fa i Kristy dia sady fiandohana no fiafaran' ny zava-boary rehetra (Fan. 1:8; F&F 19:1).

ALITARA. *Jereo* *koa* Sorona

Orim-bato avoavo ampiasaina ho an' ny sorona, ny fanatitra ary ny fiderana.

Nanorina alitara ho an' ny Tompo i Noa ary nanatitra fanatitra odorana, **Gen.** 8:20. Nanorina alitara ho an' ny Tompo i Abrama, **Gen.** 12:7–8. Namato-tratra an' i Isaka zanakalahiny teo amin' ny alitara i Abrahama, **Gen.** 22:9 (Gen. 22:1–13). Nanorina alitara teo i Jakoba ka nataony hoe El-betela no anaran' izany tany izany, **Gen.** 35:6–7. Nanorina alitara i Elia ary nihantsy an' ireo mpi-soron' i Bala, **1 Mpan.** 18:17–40. Raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin' ny alitara ianao, ataovy aloha izay hihavanana amin' ny rahalahinao, **Mat.** 5:23–24. Hitako teo ambanin' ny alitara ny fanahin' izay voavono noho ny tenin' Andriamanitra, **Fan.** 6:9 (F&F

135:7). Nanangana alitara vato i Lehia ary nanolotra fisaorana ho an' ny Tompo, **1 Ne.** 2:7. Novonjena tamin' ny fahafatesana teo amin' ny alitaran' i Elkena i Abrahama, **Abr.** 1:8–20.

ALMÀ RAINY

Mpaminany Nefita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nanorina ny Fiangonana tamin' ny andron' i Noà Mpanjaka mamohetra.

Mpisoron' i Noà Mpanjaka mamohetra ary tamingan' i Nefia, **Môsià** 17:1–2. Noroahin' ny mpanjaka izy rehefa nihaino sy nino an' i Abinadia. Nandositra sy niafina ary nanoratra ny tenin' i Abinadia izy, **Môsià** 17:3–4. Nibebaka sy nampianatra ny tenin' i Abinadia, **Môsià** 18:1. Nanao batisa teo amin' ny ranon' i Môrmôna, **Môsià** 18:12–16. Nanorina ny Fiangonana, **Môsià** 18:17–29. Tonga tao Zarahemla niaraka tamin' ny olony, **Môsià** 24:25. Nomena fahefana hiahny ny Fiangonana, **Môsià** 26:8. Nitsara sy nitarika ny Fiangonana, **Môsià** 26:34–39. Nanolotra ny zanakalahiny ny anjara fanompoan' ny mpi-sorona avo, **Almà** 4:4 (**Môsià** 29:42; **Almà** 5:3).

ALMÀ, ZANAKALAHIN' I ALMÀ.

Jereo *koa* Almà Rainy; Amioleka; Môsià, Zanakalahin' i

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ny lohan' ny mpitsara voalohany sady mpaminany teo amin' ny firenena Nefita. Tamin' ny fahatanorany, dia nokatsahiny ny handrava ny Fiangonana (**Môsià** 27:8–10). Niseho taminy anefa ny anjely iray ka niova fo ho amin' ny filazantsara izy (**Môsià** 27:8–24; **Almà** 36:6–27). Tatỳ aoriana dia nafaoiny ny toerany maha-lohan' ny mpitsara azy mba hahazoany mampianatra ny vahoaka (**Almà** 4:11–20).

Ny bokin' i Almà: Boky miavaka ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mirakitra ny famintinana ny rakitsoratra ny mpaminany isany: Almà, ny zanakalahin' i Almà ary i Helamàna zanakalahiny. Ny toe-javatra notantaraina ao amin' ny boky dia nitranga tokony ho 91 ka

hatramin' ny 52 taona talohan' i J.K. Misy toko 63 ao amin' ny boky. Toko 1-4 dia mitantara ny fikomian' ireo mpanara-dia an' i Nehora sy i Amlisy tamin' ny Nefita. Ireo ady vokatr' iza-ny hatramin' io fotoana io teo amin' ny tantaran' ny Nefita no isan' ny tena nandripaka aina indrindra. Toko 5-16 dia mirakitra ny fitantarana ny asa fitoriana santatra nataon' i Almà, ahitana ny toriteniny momba ny Mpiandry ondry Tsara (Almà 5) sy ny fitoriany voalohany tamin' i Amioleka tao antanànan' i Amônià. Toko 17-27 dia misy ny raikitsoratr' ireo zanakalahin' i Môsià mbamin' ny asa fanompoany teo anivon' ny Lamanita. Toko 28-44 dia mirakitra ny sasany amin' ireo toritenin' i Almà mavesa-danja indrindra. Nampitaha ny teny amin' ny voa iray i Almà ao amin' ny toko 32; nitantara indray ny fiovam-pony tamin' i Helamàna zanakalahiny izy ao amin' ny toko 36. Toko 39-42 dia mirakitra ny anatr' i Almà ho an' i Kôriantôna zanakalahiny izay voarohirohy tamina fandikana fitsipi-pitondrantena; ity lahateny mafonja ity dia manazava ny amin' ny fahamarinana, ny famindram-po, ny fitsanganana amin' ny maty ary ny Sorompanavotana. Toko 45-63 dia mitantara ireo adin' ny Nefita tamin' izay fotoana izay mbamin' ny fifindramoniny teo ambany fiahian' i Hagôta. Mpitondra lehibe toa an' i Môrônà Kapiteny, i Teankoma ary i Lehia no nanampy tamin' ny fitsimbiana ny Nefita noho ny asa be herim-po sy voalanjalanja nataony.

AMALEKITA (BOKIN' I MÔRMÔNA)

Vondrona Nefita nihemotra izay nitari-ka ny Lamanita hiady amin' ny Nefita (Almà 21-24, 43)

AMALEKITA (TESTAMENTA TALOHA)

Fokom-pirenena Arabo izay nonina tao amin' ny tany efitr' i Parana, teo anelanelan' ny Araba sy ny Ranomasina Mediteranea. Namaky ady man-

drakariva tamin' ny Hebreo izy ireo hatramin' ny andron' i Mosesy (Eks. 17:8) ka hatramin' ny andron' i Saoly sy i Davida (1 Sam. 15; 27:8; 30; 2 Sam. 8:11-12).

AMALIKIA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, Nefita mpamadika izay nahazo fahefana teo anivon' ny Lamanita ka nitarika azy hiady amin' ny Nefita (Almà 46-51).

AMBARATONGAM-BONINAHITRA

TRA. *Jereo koa* Voninahitra
Selestialy; Voninahitra Telestialy;
Voinahitra Terestrialy

Fanjakana samy hafa any an-danitra. Amin' ny fitsarana farany, ny olona tsirairay dia hotendrena ho any amin' ny toeram-ponenany mandrakizay avy ao amin' ny fanjakam-boninahitra manokana, afa-tsy ireo izay zanaky ny Fahaverezana.

Nilaza i Jesoa hoe: Misy fitoerana maro ao an-tranon' ny Raiko, **Jao.** 14:2 (Ete. 12:32). Iray ny voninahitry ny masoandro, ary iray hafa ny an' ny volana ary iray hafa ny an' ny kintana, **1 Kor.** 15:40-41. Nakarina tany amin' ny lanitra fahatelo i Paoly, **2 Kor.** 12:2. Misy ny toerana tsy misy voninahitra sady famaizana maharitra mandrakizay, **F&F** 76:30-38, 43-45. Misy telo ireo ambaratongam-boninahitra, **F&F** 76:50-113; 88:20-32.

AMENA. *Jereo koa* Vavaka

Ny heviny dia ny hoe: "ho tanteraka anie izany" na "izany tokoa." Tononina ny *Amena* hanehoana ny fanekena sy ny fanoavana avy ao am-po, ary amin' ny fomba hentitra na hanehoana ny fahamarinana (1 Mpan. 1:36). Ankehitriny, amin' ny fiafaran' ny vavaka, ny fijoroana ho vavolombelona ary ny toriteny, ireo izay nihaino ny vavaka na ny hafatra dia manonona *Amena* hanambarany ny fanoavany sy ny fanekeny.

Tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha, ny olona dia tokony hanonona hoe *Amena* rehefa manao fianianana

(1 Tan. 16:7, 35–36; Neh. 5:13; 8:2–6). Kristy dia atao hoe “ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina” (Fan. 3:14). *Amena* koa dia natao ho famantarana ny fanekempihavanana tao amin’ ny Sekolin’ ireo Mpaminany (F&F 88:133–35).

AMIOLEKA. *Jereo koa Almà, Zanakalahin’ i Almà*

Ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, iraka mpitory, naman’ i Almà, zanakalahin’ i Almà.

Novangian’ ny anjely iray, **Almà** 8:20; 10:7 Nandray an’ i Almà tao an-trano-ny, **Almà** 8:21–27. Nitory tamin-kery tamin’ ny mponin’ i Amônià, **Almà** 8:29–32; 10:1–11. Tamingan’ i Nefia, i Lehia ary i Manase, **Almà** 10:2–3. Nijoro ho vavolombelon’ ny fahamarinana, **Almà** 10:4–11. Niantso ny olona hibe-baka saingy nolavina, **Almà** 10:12–32. Nifamaly tamin’ i Zezrôma, **Almà** 11:20–40. Nampianatra ny fitsanganana amin’ ny maty, ny fitsarana ary ny famerenana ho amin’ ny laoniny, **Almà** 11:41–45. Te hampitsahatra ny famonoana ho faty an’ ireo mpino, **Almà** 14:9–10. Niara-naiditra am-ponja tamin’ i Almà, **Almà** 14:14–23. Nana-patapaka ny fangejan’ ny fonja tamin’ ny alalan’ ny finoana, **Almà** 14:24–29. Vavolombelona nanambara ny amin’ ny Sorompanavotana, ny famindram-po ary ny fahamarinana, **Almà** 34:8–16. Nampianatra momba ny vavaka, **Almà** 34:17–28. Nandrisika ny olona tsy hanemotra ny fibebahany, **Almà** 34:30–41. Ny finoan’ i Almà sy i Amioleka dia nahatonga ny rindrin’ ny fonja hirodana, **Etera** 12:13.

AMLISIA, AMLISITA

Lehilahy iray ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, izay nitarika andiana Nefita naniry hanana mpanjaka nandritra ny fitondran’ ny mpitsara. Ireo Nefita ireo, natao hoe Amlisita, dia nikomy an-kitsirano tamin’ Andriamanitra ka voaozona izy ireo noho izany (**Almà** 2–3).

AMÔNA, TAMINGAN’ I ZARAHÉMLÀ. *Jereo koa Limia*

Ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, lehilahy mahery sady matanjaka izay nitarika iraka avy ao Zarahemlà hankany an-tanin’ i Lehia-Nefia (**Môsià** 7:1–16). Naseho azy ny rakitsoratra tranainy ary nohazavaina taminy ny atao hoe mpahita (**Môsià** 8:5–18). Nanampy tamin’ ny fanafahana an’ i Limia Mpanjaka sy ny vahoakany izy tatỳ aoriana ary nitondra azy ireo niverina tao Zarahemlà (**Môsià** 22).

AMÔNA, ZANAKALAHIN’ I MÔSIÀ. *Jereo koa Antia-Nefia-Lehia; Môsià, Zanakalahin’ i; Môsià, Zanakalahin’ i Benjamîna*

Ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, zanakalahin’ i Môsià Mpanjaka. Nanefa asa fitoriana i Amôna ka ny ezaka mbamin’ ny zotom-pony dia nahatonga olona maro hiova fo ho an’ i Kristy.

Tsy mpino izay nikatsaka ny handrava ny Fiangonana, **Môsià** 27:8–10, 34. Niseho taminy sy ny namany ny anjely iray, **Môsià** 27:11. Nibebaka ary nanomboka nitory ny tenin’ Andriamanitra, **Môsià** 27:32–28:8. Nandà ny hatao mpanjaka ka nandeha hankany amin’ ny tanin’ ny Lamanita hitory ny tenin’ Andriamanitra, **Almà** 17:6–9. Nifady hanina sy nivavaka mba hotarihin-dalana, **Almà** 17:8–11. Nifatotra no nitondrana azy hankeo amin’ i Lamônia Mpanjaka, **Almà** 17:20–21. Niaro ny andian’ ondrin’ i Lamônia, **Almà** 17:26–39. Nitory tamin’ i Lamônia, **Almà** 18:1–19:13. Nisaotra an’ Andriamanitra ary nentanin-kafaliana, **Almà** 19:14. Tsy nihemotra na oviana na oviana ireo olona voaovany fo, **Almà** 23:6. Nifaly tamin’ ny naha-fitaovana azy teo an-tanan’ Andriamanitra ka nitondrana olona an’ arivony ho amin’ ny fahamarinana, **Almà** 26:1–8 (**Almà** 26:1–37). Nitarika ny vahoakan’ ny Antia-Nefia-Lehia ho amin’ ny toerana azo antoka, **Almà** 27. Tojo fifaliana lehibe tamin’ ny fihaonany tamin’ ny rahalahiny, **Almà** 27:16–18.

AMOSA

Mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay naminany sahabo ho 792 ka hatramin' ny 740 talohan' i J.K., tamin' ny andron' i Ozia mpanjakan' i Joda sy i Jeroboama, mpanjakan' i Isiraely.

Ny bokin' i Amosa: Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha. Maro amin' ireo faminanian' i Amosa no mananatra an' i Isiraely sy ireo firenena manodidina azy mba hiverina amin' ny fahamarinana.

Toko 1–5: miantso an' i Isiraely sy ireo firenena manodidina azy ho amin' ny fibebahana. Toko 3: manazava fa ny Tompo dia manambara ny tsiambaratelon' amin' ireo mpaminany, fa horavan' ny fahavalo i Isiraely noho ny fandikan-dalàna. Toko 6–8 maminany ny faharavan' i Isiraely, taona maro mialohan' ny fanafihan' ny Asiriana. Toko 9 maminany fa hampodiana indray eo amin' ny taniny i Isiraely.

AMPAMOAHINA,

AMPAMOAKA. *Jereo koa Safidy*

Efa nilaza ny Tompo fa tompon' andraikitra ny amin' ny fihetsiny, ny toetrany, ny faniriany ary ny ataony ny tsirairay.

Ny taona maha-tompon' andraikitra dia ny taona izay iheverana ny ankizy ho tompon' andraikitra amin' ny ataony ary mahavita manota sy mibebaka.

Hotsaraiko araka ny lalany avy ny tsirairay, **Ezek.** 18:30. Hampamoahina noho ny amin' ny teny foana rehetra nataony izy ireo, **Mat.** 12:36. Mamoaha ny amin' ny fitandremanao, **Lio.** 16:2. Samy hampamoahin' Andriamanitra ny amin' ny tenany avy isika rehetra, **Rom.** 14:12. Ny maty dia hotsaraina araka ny asany, **Fan.** 20:12. Hanameloka antsika ny tenintsika, ny asantsika ary ny eritreritsika, **Almà** 12:14. Tompon' ny tenantsika isika, na hanao ny tsara na ny ratsy, **Almà** 41:7. Avela ianareo hanao araka ny tenanareo, **Hel.** 14:29–31. Izao zavatra izao no hampianarinareo—fibebahana sy

batisa ho an' ireo izay ampamoahina, **Môrô.** 8:10. Tsy maintsy mibebaka sy atao batisa avokoa ireo izay tonga eo amin' ny taona maha-tomponandraikitra, **F&F** 18:42. Tsy afaka maka fanahy ny ankizy madinika i Satana raha tsy efa tomponandraikitra eo anoloako izy ireo, **F&F** 29:46–47. Hatao batisa ny ankizy rehefa feno valo taona, **F&F** 68:27. Ny olona tsirairay samy hampamoahina ny amin' ny fahotany avy amin' ny andro fitsarana, **F&F** 101:78. Nomena ny olona ny hanavaka ny tsara amin' ny ratsy; koa misafidy ho an' ny tenany izy ireo, **Mos.** 6:56. Hofaizina noho ny fahotany ihany ny olona, **Fp.** 1:2.

AN' NY PATRIARIKA. *Jereo*
Patriarika

AN-TSAPAKA

Fomba iray hifantenana na hanafoanana safidy iray ao anatin' ny maro, izay tanterahana matetika amin' ny fididianana ravin-taratasy na tapa-kazo kely iray ao anatin' ny maro. Izany no atao hoe manao an-tsapaka.

Nanaovany loka ny fizaràna ny fitafian' ny, **Mat.** 27:35 (Sal. 22:18; Mar. 15:24; Lio. 23:34; Jao. 19:24). Nanao filokana ho azy izy ka latsaka tamin' i Matia ny filokana, **Asa** 1:23–26. Nanao an-tsapaka izahay—iza aminay no tokony hidiatra ao an-tranon' i Labàna, **1 Ne.** 3:11.

ANA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, mpaminanivavy avy amin' ny firenen' i Asera. Tamin' ny fotoana nahaterahan' i Jesoa, dia vaviantitra sady mpiton-dratena izy. Nahita an' i Jesoa zaza izy tamin' ny nanolorana Azy teo amin' ny tempoly ary nanaiky Azy ho Mpanavotra (Lio. 2:36–38).

ANANIASY AVY AO

DAMASKOSY. *Jereo koa Paoly*

Kristiana mpianatry ny Tompo tao Damaskosy izay nanao batisa an' i Paoly (Asa 9:10–18; 22:12).

ANANIASY AVY AO JEROSALEMA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, nandanga tamin' ny Tompo izy sy i Safira vadiny tamin' ny nihazonany ny ampahan' ny vola izay efa natokan' izy ireo ho an' ny Tompo. Rehefa nifanatrika tamin' i Petera izy ireo dia samy lavo tamin' ny tany ary maty (Asa 5:1–11).

ANARAN' NY FIANGONANA.

Jereo Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny; Fiangonana, Anaran' ny

ANASY. *Jereo* koa Kaiafa

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, lehilahy izay nanana fahefana lehibe teo amin' ny Synedriona. Nentina teo amin' aloha i Jesoa rehefa nosamborina (Jaona 18:13); nandray anjara lehibe koa tamin' ny fitsarana an' ireo Apostoly izy (Asa 4:3–6).

ANDRAIKITRA. *Jereo* Adidy

ANDREA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, rahalahin' i Simona Petera ary anankiray amin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo nantsoin' i Jesoa nandritra ny asa fanompoany teto an-tany (Mat. 4:18–19; Mar. 1:16–18, 29).

ANDRIAMANITRA. *Jereo* koa

Fanahy Masina; Jesoa Kristy; Ray any an-danitra; Tompo

Misy olona telo miavaka tsara ao amin' Ny Andriamanitra: Andriamanitra Ray Mandrakizay; Jesoa Kristy Zanany; ary ny Fanahy Masina. Inoantsika ny tsirairay avy aminy (Fp. 1:1). Ao amin' ny fanambaran' ny andro farany no ianarantsika fa manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina ny Ray sy ny Zanaka, fa ny Fanahy Masina kosa dia olon' ny fanahy, tsy manana nofo sy taolana (F&F 130:22–23). Ireo olona telo ireo dia miray saina sy miray hina tanteraka, sady iray tanjo-

na sy fotopampianarana (Jao. 17:21–23; 2 Ne. 31:21; 3 Ne. 11:27, 36).

Andriamanitra Ray: Amin' ny ankapobeny dia ny Ray na Elohimina no tondroina amin' ny hoe Andriamanitra. Atao hoe Ray Izy, satria rain' ny fana-hintsika (Mal. 2:10; Nom. 16:22; 27:16; Mat. 6:9; Ef. 4:6; Heb. 12:9). Andriamanitra Ray no mpanapaka faratampony amin' ny tontolo. Izy dia tsy toha (Gen. 18:14; Almà 26:35; F&F 19:1–3), mahalala ny zava-drehetra (Mat. 6:8, 2 Ne. 2:24) ary manerana izao rehetra izao amin' ny alalan' ny Fanahiny (Sal. 139:7–12; F&F 88:7–13, 41). Ny olombelona dia manana fifandraisana manokana amin' Andriamanitra izay manavaka ny olona amin' ireo zavatra nohariana hafa rehetra: ny lehilahy sy ny vehivavy dia zanak' Andriamanitra araka ny fanahy (Sal. 82:6; 1 Jn. 3:1–3; F&F 20:17–18).

Vitsy ihany ireo toe-javatra izay nisehoan' Andriamanitra Ray na nitenenany tamin' ny olona. Milaza ny soratra masina fa niteny tamin' i Adama sy i Eva Izy (Mos. 4:14–31) ary nampahafantatra an' i Jesoa Kristy tamin' ny fotoana maro (Mat. 3:17; 17:5; Jao. 12:28–29; 3 Ne. 11:3–7). Niseho tamin' i Stefana (Asa 7:55–56) sy i Joseph Smith (JS—T 1:17) Izy. Tatỳ aoriana dia samy nisehoany na i Joseph Smith na i Sidney Rigdon (F&F 76:20, 23). Ho an' ireo izay tia an' Andriamanitra ary manadio ny tenany eo anoloany, dia omen' Andriamanitra indraindray ny tombontsoa hahitany sy hahalalany manokana fa Izy no Andriamanitra (Mat. 5:8; 3 Ne. 12:8; F&F 76:116–118; 93:1).

Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no nahafohy Ahy Ianao? **Mar.** 15:34. Mpanompon' ilay Andriamanitra Avo indrindra ireo lehilahy ireo, **Asa** 16:17. Zanak' Andriamanitra isika, **Asa** 17:28–29. Hanolotra ny fanatipisaoranao ho an' ny Avo Indrindra ianao, **F&F** 59:10–12. Nahatazana an' ireo fanahy izay efa noharian' Andriamanitra i Enoka, **Mos.** 6:36. Lehilahin' ny Fahamasinana no anarany, **Mos.** 6:57.

Andriamanitra Zanaka: Ny Andriamanitra fantatra amin' ny hoe Jehovah no Jesoa Kristy Zanaka (Isa. 12:2; 43:11; 49:26; 1 Kor. 10:1-4; 1 Tim. 1:1; Fan. 1:8; 2 Ne. 22:2). Miasa eo ambany fitarihan' ny Ray i Jesoa ary mifandrindra tanteraka Aminy. Ny olombelona rehetra dia rahalahiny sy anabaviny, satria Izy no zokiny indrindra amin' ny zanak' i Elohima ara-panahy. Ny toko sy ny andininy sasany dia manondro Azy amin' ny teny hoe *Andriamanitra*. Milaza ny soratra masina ohatra fa "nahary ny lanitra sy ny tany Andriamanitra" (Gen. 1:1) ny marina anefa dia i Jesoa no Mpahary teo ambany fitarihan' Andriamanitra Ray (Jao. 1:1-3, 10, 14; Heb. 1:1-2).

Ny Tompo dia mampahafantatra ny tenany amin' ny hoe IZY AHO, **Eks.** 3:13-16. Izaho no [Jehovah] Tompo, ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho, **Isa.** 43:11 (Isa. 45:23). Izaho no fahazavan' izao tontolo izao, **Jao.** 8:12. Talohan' ny nisian' i Abrahama, dia Izy Aho, **Jao.** 8:58. Hanompo eo anivon' ny olona ao amina tabernakely tanimanga ny Tompo, **Môsià** 3:5-10. Nohazavain' i Abinadia ny maha-Ray sy Zanaka an' i Kristy, **Môsià** 15:1-4 (Ete. 3:14). Niseho tamin' ny rahalahin' ny Jarèda ny Tompo, **Ete.** 3. Henoy ny tenin' i Kristy Tomponareo sy Andriamanitrareo, **Môrô.** 8:8 Jehovah no mpitsara ny velona sy ny maty, **Môrô.** 10:34. Niseho tamin' i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon i Jesoa, **F&F** 76:20, 23. Niseho tao amin' ny Tempolin' i Kirthland i Jehovah Tompo, **F&F** 110:1-4. Niteny tamin' i Abrahama i Jehovah, **Ab.** 1:16-19. Niseho tamin' i Joseph Smith i Jesoa, **JS—T** 1:17.

Andriamanitra Fanahy Masina: Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra ihany koa ary atao hoe ny Fanahy na ny Fanahin' Andriamanitra, ankoatra ireo anarana na fiantsoana hafa mitovy amin' izany. Amin' ny fanampian' ny Fanahy Masina no ahafantaran' ny olona ny sitrapon' Andriamanitra Ray ary ahafantarany fa i Jesoa no Kristy (1 Kor. 12:3).

Ny Fanahy Masina no hampianatra anareo izay tokony holazainareo, **Lio.** 12:12. Ny Fanahy Masina no Mpampionona, **Jao.** 14:26 (Jao. 16:7-15). Nomen' i Jesoa ny Apostoly tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina ireo didy, **Asa** 1:2. Ny Fanahy Masina dia vavolombelona manambara an' Andriamanitra sy i Kristy, **Asa** 5:29-32 (1 Kor. 12:3). Ny Fanahy Masina koa dia vavolombelona amintsika, **Heb.** 10:10-17. Amin' ny herin' ny Fanahy Masina no ahafantarareo ny fahamarinan' ny zavadrehetra, **Môrô.** 10:5. Ny Fanahy Masina no fanahin' ny fanambarana, **F&F** 8:2-3 (F&F 68:4).

ANDRO FARANY. *Jereo koa*

Famantaran' ireo Fotoana; Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany

Ny fotoana iainantsika ankehitriny. Ny fotoana (na fotoampitantanana) mialoha avy hatrany ny fiavian' ny Tompo fanindroany.

Manambara aminareo izay ho tonga aminareo any am-parany aho, **Gen.** 49:1. Ny Mpanavotra dia hitsangana any am-parany eo ambonin' ny tany, **Joba** 19:25. Amin' ny andro farany, ny tranon' i Jehovah dia haorina, **Isa.** 2:2. Amin' ny andro farany dia hisy andro mahory, **2 Tim.** 3:1-7. Handà ny fiaviana fanindroany ireo mpaniratsira amin' ny andro farany, **2 Pet.** 3:3-7 Maminany aminareo ny amin' ny andro farany aho, **2 Ne.** 26:14-30. Toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin' ny andro farany, dia "Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany," **F&F** 115:4. Ho avy i Kristy amin' ny andro farany, **Mos.** 7:60.

ANDRO SABATA. *Jereo koa*

Fahariana; Fitsaharana

Andro masina iray natokana isan-kerinandro ho fitsaharana sy fitsaohana. Taorian' ny naharian' Andriamanitra ny zava-drehetra, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito, ary nandidy ny hanaovana andro iray isan-kerinandro ho andro fitsaharana mba

hanampiana ny olona hahatsiaro Azy (Eks. 20:8–11).

Talohan' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty, dia nitandrina ny andro farany amin' ny herinandro ho Sabata ny mpikamban' ny Fiangonana, tahaka izay nataon' ny Jiosy. Taorian' ny fitsanganana tamin' ny maty, ny mpikamban' ny Fiangonana, na Jiosy na Jentilisa, dia nitandrina ny andro voalohan' ny herinandro (ny andron' ny Tompo) mba hahatsiarovana ny fitsanganan' ny Tompo tamin' ny maty. Manohy mitandrina andro iray isan-kerinandro ny Fiangonana ankehitriny, ho andro sabata masina hiderana an' Andriamanitra sy hitsaharana amin' ny raharahan' izao tontolo izao.

Ny Sabata dia mampahatsiahy ny olona ny filany sakafo ara-panahy sy ny adidiny hankatò an' Andriamanitra. Rehefa mitombo amin' ny tsy firaharahiana ny fitandremana ny Sabata ny firenena iray, dia voakasika avokoa ny lafim-piainana rehetra ary tonga simba ny fiainany ara-pivavahana (Neh. 13:15–18; Jer. 17:21–27).

Nitsahatra Andriamanitra tamin' ny andro fahafito, **Gen.** 2:1–3. Tsy nanangona mana ny zanak' Isiraely tamin' ny sabata, **Eks.** 16:22–30. Mahatsiarova ny andro sabata hanamasina azy, **Eks.** 20:8–11 (**Môsià** 13:16–19). Ny sabata dia nomena ho famantarana ho an' Andriamanitra sy ny olona, **Eks.** 31:12–17 (**Ezek.** 20:12, 20). Tsy hividy ny hivarotra zavatra amin' ny andro sabata isika, **Neh.** 10:32. Manaova ny sabata ho fahafinaretana, manomeza voninahitra an' Andriamanitra ary aza mitady ny fahafinaretan' ny tenanao, **Isa.** 58:13–14. Ny sabata no natao ho an' ny olona, fa tsy ny olona no ho an' ny sabata, **Mar.** 2:23–28. Tompon' ny sabata ny Zanak' olona, **Lio.** 6:1–10. Nampianatra tao amin' ny sinagoga sy nanasitrana i Jesoa tamin' ny Sabata, **Lio.** 13:10–14. Nitandrina ny andro sabata ho masina ny Nefita, **Jar.** 1:5. Hajao ny andro sabata ary hamasiho izany, **Môsià** 18:23. Atero ny fanati-

pisaoranao amin' ny androko masina, **F&F** 59:9–13. Ny mponina ao Ziona dia hanaja ny andro sabata, **F&F** 68:29. Izaho Andriamanitra dia nitsahatra tamin' ny asako rehetra tamin' ny andro fahafito, **Mos.** 3:1–3 (**Gen.** 2:1–3; **Abr.** 5:1–3).

ANDRON' NY TOMPO. *Jereo* Andro Sabata; *Fiavian' i Jesoa* Kristy *Fanindroany; Fitsarana Farany, Ny*

ANJARA FANOMPOANA. *Jereo* *koa* Fanokanana; *Fisoronana*

Toerana manome fahefana na andraikitra ao amin' ny fikambanana iray, ampiasaina matetika ao amin' ny Soratra Masina hilazana andraikitra iray ao amin' ny fahefan' ny fisoronana; azo ilazana ihany koa ireo andraikitra mifanaraka amin' ny anjara toerana iray na ny olona mihazona izany anjara toerana izany.

Tsy mitovy asa ny mpikambana rehetra, **Rom.** 12:4. Nandrianinay ny adidinay ho an' ny Tompo, **Jkb.** 1:19. Nandray ny raharahan' ny fisoronana avo i Melkizedeka, **Almà** 13:18. Ny asan' ny fanompoan' ny anjely dia ny miantso ny olona ho amin' ny fibebahana, **Môrô.** 7:31. Tsy misy olona tokony hatokana ho amin' izay mety ho anjara fanompoana ao amin' ity Fiangonana ity, raha tsy nandalo ny fifidianana tao amin' izany Fiangonana izany, **F&F** 20:65. Aoka ny olona tsirairay samy hifototra amin' ny anjara fanompoany, **F&F** 84:109. Misy ny filoha na ny mpitarika miahia izay mivoaka avy eo, na voatokana avy aminy na avy eo anivon' ireo izay voatokana ho amin' ireo anjara fanompoana maro ao amin' ireo fisoronana roa ireo, **F&F** 107:21. Soritana ny andraikitra ireo izay miahia ny anjara fanompoan' ny kôlejin' ny fisoronana, **F&F** 107:85–98. Aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary hiasa ao amin' ny anjara fanompoana izay anendrena azy, **F&F** 107:99–100. Omeko anareo ireo mpitarika ao amin' ny fisoronako, **F&F** 124:123.

ANJELY

Misy karazany roa ny zava-mananaina any an-danitra, izay atao hoe anjely: ireo izay fanahy ary ireo izay manana vatana nofo sy taolana. Ireo anjely izay fanahy dia ireo izay tsy mbola nahazo vatana nofo sy taolana, na ireo fanahy izay nanana vatana mety maty fahiny ka miandry ny fitsanganana amin' ny maty. Ireo anjely izay manana vatana nofo sy taolana dia ireo izay, na efa natsangana tamin' ny maty, na efa tafafindra.

Maro ireo toko sy andininy ao amin' ny soratra masina momba ny asan' ireo anjely. Indraindray dia miteny amin' ny feon' ny kotro-baratra ny anjely rehefa milaza ny hafatr' Andriamanitra (Môsîà 27:11–16). Ny olona mety maty nefa marina dia azo antsoina koa hoe anjely (DJS, Gen. 19:15). Manompo manodidina ny seza fiandrianan' Andriamanitra any an-danitra ny anjely sasany (Almà 36:22).

Miresaka koa ny momba ny anjelin' ny devoly ny soratra masina. Ireo dia fanahy izay nanaraka an' i Losifera ka nesorina hiala avy teo anatrehan' Andriamanitra tamin' ny fiainana izay talohan' ny fiainana an-tany ary naze-ra etỳ an-tany (Fan. 12:1–9; 2 Ne. 9:9, 16; F&F 29:36–37).

Nahita an' ireo anjelin' Andriamanitra niakatra sy nidina i Jakoba, **Gen.** 28:12. Notsenain' ireo anjelin' Andriamanitra i Jakoba, **Gen.** 32:1–2. Hitan' i Gideona nifanatrika ilay anjelin' ny Tompo, **Mpits.** 6:22. Naninjitra ny tanany tamin' i Jerosalema ilay anjely handringana ny any, **2 Sam.** 24:16. Nanohina an' i Elia ny anjely iray ka nanao tamin' ny hoe: Miarena ka homàna, **1 Mpan.** 19:5–7. Hitan' i Daniela tao amin' ny fahitana ny Anjely Gabriela, **Dan.** 8:15–16. Nanampy an' i Daniela ny Anjely Mikaela, **Dan.** 10:13. Nirahin' Andriamanitra ny Anjely Gabriela, **Lio.** 1:19, 26–27. Hohazonina amin' ny rojo ireo anjelin' ny devoly mandrapahatongan' ny fitsarana, **Joda** 1:6 (2 Pet 2:4). Nahita anjely nidina avy

tany an-danitra ny olona, **3 Ne.** 17:24. Nanoratra ny amin' ny fanompoan' ireo anjely i Môrônia, **Môrô.** 7:25–32. Ny Fisoronana Aharôna dia mihazona ireo fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely, **F&F** 13. Samy nanompo an' i Joseph Smith avokoa, amin' ny mahananjely azy ireo, i Môrônia, i Jaona Mpanao Batisa, i Petera, i Jakoba, i Jaona, i Mosesy, i Elia ary i Elià, **F&F** 27:5–12. Raha tsy hainareo ny mandray ny fanompoan' ny anjely, **F&F** 67:13. Mikaela ilay arikananjely dia i Adama, **F&F** 107:54. Ny anjely dia olona natsangana tamin' ny maty, manana vatana nofo sy taolana, **F&F** 129. Tsy misy anjely izay miahay ny tany afa-tsy ireo izay azy, **F&F** 130:5. Ny olona izay tsy mankatò ny lalàn' Andriamanitra momba ny fanambadiana mandrakizay dia tsy mampaka-bady na avoaka hampakarina; fa tendrena ho anjely any an-danitra, **F&F** 132:16–17.

ANJELY MPANOMPO. *Jereo Anjely*ANKIZY. *Jereo Zanaka*ANTIA-NEFIA-LEHIA. *Jereo koa*

Amôna, Zanakalahin' i Môsià;
Helamàna, ireo Zanakalahin' i;
Môsià, Zanakalahin' i

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, anarana nomena an' ireo Lamanita izay novain' ireo zanakalahin' i Môsià fo. Taorian' ny fiovam-pony, ireo olona ireo, izay natao koa hoe ny vahoakan' i Amôna, dia nahatoky nandritra ny fiainany (Almà 23:4–7, 16–17; 27:20–27).

Nandray ny anarana hoe Antia-Nefia-Lehia izy ireo, **Almà** 23:16–17; 24:1. Nandà ny handatsa-dra izy ireo ary nandevina ny fiadiany, **Almà** 24:6–19. Niomana ho amin' ny ady ny zanakalahiny ary nifidy an' i Helamàna ho mpitondra azy ireo, **Almà** 53:16–19; 56–58 (ireo zanakalahiny ireo dia fantatra koa amin' ny zatovo lahy miaramila 2000).

ANTIKRISTY. *Jereo koa Devoly*

Rehefa mety ho olona na zavatra izay misandoka ny drafitry ny famonjen' ny

filazantsara marina ary manohitra ankitsirano na mangingina an' i Kristy. Nolazain' i Jaona Mpanambara fa ny antikristy dia toy ny mpamitaka (1 Jn. 2:18–22; 4:3–6; 2 Jn. 1:7). Losifera no antikristy lehibe saingy manana mpampamy maro izy, na fanahy izany na olona mety maty.

Ny zanaky ny fahaverezana dia manohitra ka manandra-tena ho ambony noho izay atao hoe Andriamanitra, **2 Tes.** 2:1–12. Mamitaka izay monina eto an-tany izy amin' ny alalan' ireo fahagagana, **Fan.** 13:13–17. Nandà an' i Kristy i Serema ary namitaka ny maro, **Jkb.** 7:1–23. Nampianatra foto-pampianarana sandoka i Nehora ka nanorina fiangonana sy namelona ny komiberaky ny mpisorona, **Almà** 1:2–16. Nohamavoin' i Korihora i Kristy, ny sorompanavotana ary ny fanahin' ny faminiana, **Almà** 30:6–60.

ANTRA. *Jereo* Fanampiana

ANTSO, ANTSOIN'

ANDRIAMANITRA. *Jereo* **koa**

Fahefana; Fanokanana;

Fitantanana-draharaha; Voafidy;

Voafidy (matoateny na anarana)

Ny hoe antsoin' Andriamanitra dia mahazo fanendrena na fanasana avy Aminy na avy amin' ny mpitondra ny Fiangonana izay nomeny fahefana aradalàna mba hanompo Azy amin' ny fomba manokana.

Nametraka ny tanany taminy izy ary nandidy azy, **Nom.** 27:23. Notendreko ho mpaminany ianao, **Jer.** 1:5. Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo, **Jao.** 15:16. Paoly dia voantso ho Apostoly, **Rom.** 1:1. Tsy misy maka izany voninahitra izany ho an' ny tenany afa-tsy izay antsoin' Andriamanitra, **Heb.** 5:4. Nantsoin' Andriamanitra araka ny lamin' i Melkizedeka i Jesoa, **Heb.** 5:10. Efa nantsoina aho hitory ny tenin' Andriamanitra araka ny fanahin' ny fanambaranana sy ny faminiana, **Almà** 8:24. Ireo mpisorona dia efa nantsoina sy nomanina hatry ny fanorenana izao

tontolo izao, **Almà** 13:3. Raha manampaniriana ny hanompo an' Andriamanitra ianareo dia antsoina, **F&F** 4:3. Tomoera tsara amin' ny asa izay efa niantsoako anareo, **F&F** 9:14. Tsy tokony hihevitra ianao fa antsoina hitory raha tsy efa voantso, **F&F** 11:15. Antsoina ireo loholona hanatanteraka ny fanangonana ny olom-boafidy, **F&F** 29:7. Tsy misy olona hitory ny filazan-tsarako na hanorina ny Fiangonako raha tsy natokana izy, **F&F** 42:11. Maro no voantso nefa vitsy no voafidy, **F&F** 121:34. Tsy maintsy voantson' Andriamanitra ny olona, **Fp.** 1:5.

APÔKALIPSY. *Jereo* **koa**

Fanambaran' i Jaona

Ny bokin' ny Fanambarana, ny boky farany ao amin' ny Testamenta Vaovao; mety midika **koa** hoe rehefa mety ho fanambarana misongadina; avy amin' ny teny Grika izay midika hoe “aposa-ka” na “aboraka.”

APÔKRIFA. *Jereo* **koa** Baiboly;

Soratra Masina

Ireo boky masin' ny vahoaka Jiosy, izay tsy tafiditra ao amin' ny Baiboly Hebreo fa hita kosa ao amin' ny Baibolin' ireo fiangonana Kristiana sasantsasany. Zava-dehibe tokoa mazàna ireo boky ireo amin' ny fampitohizana ny Testamenta Taloha sy Vaovao ary heverin' ny Fiangonana ho toy ny vakiteny mahasoa.

Ny ankabeazan' ny Apôkrifa dia voadika araka ny hitsiny saingy ahitana soratra mifangaro sady tsy marina, **F&F** 91:1–3. Ny Apôkrifa dia mahasoa an' ireo izay hazavain' ny Fanahy, **F&F** 91:4–6.

APÔSTAZIA. *Jereo* **koa** Famerenana

amin' ny laoniny ny Filazantsara;

Fikomiana

Fialan' ny olona, ny Fiangonana na ny firenena manontolo amin' ny fahamarinana.

Apôstazia Faobe: Tsy maintsy mitandrina i Isiraely mba tsy hivily hiala amin'

ny Tompo ny fony, **Deot.** 29:18. Raha tsy misy fahitana dia atondra hana-ram-po amin' izay tsy mety ny olona, **Ohab.** 29:18. Efa nivadika ny fanekena maharitra mandrakizay izy, **Isa.** 24:5. Nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany, dia nianjera izy, **Mat.** 7:27. Gaga aho raha mifindra faingana toy izao hianareo ho amin' ny filazantsara iray hafa, **Gal.** 1:6. Nanomboka teo amin' ny lalana tsara izy ireo saingy very lalana tao amin' ny zavona, **1 Ne.** 8:23 (1 Ne. 12:17). Rehefa avy nanan-drana tamin' ny voan' ny hazo izy, dia nianjera tany amin' ny lalana voarara, **1 Ne.** 8:28. Ny apôstazian' ny Nefita dia nanjary vato fahatafintohinana ho an' ny tsy mpino, **Almà** 4:6–12. Nanjary niavonavona ny mpikambana maro tamin' ny Fiangonana ka nanenjika an' ireo mpikambana hafa, **Hel.** 3:33–34 (Hel. 4:11–13, 5:2–3). Rehefa mampiroborobo ny olony ny Tompo, dia manamafy ny fony izy ireo indraindray ka manadino Azy, **Hel.** 12:2; 13:38. Nanamafy ny fony ny Nefita ka latsaka teo ambany fahefan' i Satana, **3 Ne.** 2:1–3. Naminany ny amin' ny apôstazia amin' ny Andro Farany i Môrônia, **Môrm.** 8:28, 31–41. Hialoha lalana ny Fiaviana Fanindroany ny Apostazia, **F&F** 1:13–16.

Apôstazian' ny fiangonana Kristiana tany am-piandohana: Ity vahoaka ity manatona Ahy amin' ny vavany, **Isa.** 29:10, 13. Ny haizina manarona ny tany, **Isa.** 60:2. Halefan' ny Tompo ny mosary handre ny tenin' ny Tompo, **Amo.** 8:11. Hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, **Mat.** 24:24. Hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo, **Asa** 20:29. Gaga aho raha mifindra faingana toy izao hianareo hiala Aminy, **Gal.** 1:6. Hisy ny fihemorana alohan' ny Fiaviana Fanindroany, **2 Tes.** 2:3. Mania amin' ny marina ny olona sasany, **2 Tim.** 2:18. Ny olona sasany manana ny endriky ny toe-pa-nahy araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny, **2 Tim.** 3:5. Ho avy ny andro izay tsy hahazakany ny fampianarana tsy misy kilema, **2 Tim.**

4:3–4. Hisy mpaminany sandoka sy mpampianatra sandoka eo amin' ny vahoaka, **2 Pet.** 2:1. Misy olona sasany efa niditra misokosoko ka nandà ny andrian-tokana, **Joda** 1:4. Nilaza ny tenany ho Apostoly ny olona sasany, kanjo tsy izy, **Fan.** 2:2. Hitan' i Nefia ny fananganana ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko, **1 Ne.** 13:26. Efa tafintohina ny Jentilisa ka dia nanorina fiangonana maro, **2 Ne.** 26:20. Efa nialany ny ôrdônansiko ary efa nivadihany ny fanekempihavanako maharitra mandrakizay, **F&F** 1:15. Ny haizina mandrakotra ny tany ary ny haizina matevina no mandrakotra ny sain' ny olona, **F&F** 112:23. Nilazana i Joseph fa diso avokoa ireo fiangonana; fa lavitra an' Andriamanitra ny fon' izy ireo, **JS—T** 1:19.

APOSTOLY. *Jereo koa*

Fanambarana; Mpianatra

Ny hevitra ny hoe *Apostoly* amin'ny teny Grika dia: “ilay nirahina.” Izany no anarana nomen' i Jesoa ny Roambinifololahy izay nofidiny sy natokany ho mpianany sy ho mpanampy Azy akaiky indrindra nandritra ny asa fanompoany teto an-tany (Lio. 6:13; Jao. 15:16). Nirahiny izy ireo hisolo tena Azy ary hampianatra ho Azy aorian' ny fiakarany any an-danitra. Na fahiny, na ao amin' ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo, ao amin' ny Fiangonana naverina indray ankehitriny, ny Apostoly dia vavolombelona manokan' i Jesoa Kristy manerana izao tontolo izao mba hanambara ny maha-Andriamanitra Azy sy ny fitsanganany tamin' ny maty (Asa 1:22; F&F 107:23).

Ny Fiangonan' i Kristy dia mitsangana eo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 2:20; 4:11. Leahy sy i Nefia dia nahita ny Apostoly roa ambin' ny folo nanaraka an' i Jesoa, **1 Ne.** 1:10; 11:34. Ireo Apostoly no hitsara ny mpianakavin' i Isiraely, **Môrm.** 3:18. Ireo izay tsy mampandry sofina amin' ny tenin' ireo mpaminany sy Apostoly dia horoahina hiala, **F&F** 1:14 (3 Ne. 12:1). Nambara ny an-

tso sy ny asa anirahana ny Roambinifololahy, **F&F** 18:26–36. Natokana ho Apostoly i Joseph Smith, **F&F** 20:2; 21:1. Ireo Apostoly dia vavolombelona manokan' ny anaran' i Kristy ary mitondra ny fanalahidin' ny asa fanompoana, **F&F** 27:12 (**F&F** 112:30–32). Ireo Apostoly Roa ambin' ny folo dia miforona ho kôlejy mitovy fahefana amin' ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 107:23–24. Ny Roambinifololahy no Filankevitra Avo Miahly sady Mpandehadeha, **F&F** 107:33. Ireo Apostoly dia mihazona ny fanalahidin' ny asa fitoriana, **F&F** 107:35. Voalaza ny sasany amin' ireo adidin' ny Apostoly, **F&F** 107:58. Hoy Aho amin' ny Roambinifololahy: manaraha Ahy ary fahano ny ondriko, **F&F** 112:14–15. Mino ny Apostoly isika, **Fp.** 1:6.

Fifantenana ireo Apostoly: Fidin' ny Tompo ireo Apostoly (Jao. 6:70; 15:16).

Ny momba ireo mpianany, nifidy Apostoly Roa ambin' ny folo i Jesoa, **Lio.** 6:13–16. Voafidy ho Apostoly i Matia, **Asa** 1:21–26. Nodidina i Oliver Cowdery sy i David Whitmer hitady ny Roambinifololahy, **F&F** 18:37–39.

ARA-NOFO. *Jereo koa* Fahalavoan' i Adama sy i Eva; Manarana ny Filan' ny nofo; Olona araka ny Nofo

Zavatra izay tsy ara-panahy; azo ampiasaina amin' ny heviny manokana io teny io ka ny heviny dia na mety maty sy momba izao fiainana izao (**F&F** 67:10), na momba izao tontolo izao, na momba ny nofo na ny filana (**Môsià** 16:10–12).

Ny fiheverana ny zavatra ny nofo dia fahafatesana, **2 Ne.** 9:39. Mandrotsirotsy ny olona amin' ny fiadanan' ny nofo ny devoly, **2 Ne.** 28:21. Efa nahita ny tenany tao amin' ny toetra araka ny nofo avy izy, **Môsià** 4:2. Izay miziriziry amin' ny maha-olon' ny nofo azy dia mijanona ao amin' ny toetry ny fahalavoany, **Môsià** 16:5. Tsy maintsy aterak' Andriamanitra ny rehetra, ovaina avy amin' ilay toetra manaram-

batana sy lavo, **Môsià** 27:25. Efa nanjary nanaram-batana, nanaram-pilana ary niendrika devoly tamin' ny toetra ny olombelona, **Almà** 42:10. Ireo izay rehetra manaraka ny fibaikoan' ny sitrapony sy ny filan' ny nofony dia tsy maintsy lavo, **F&F** 3:4. Ny olona dia tsy afaka mahita an' Andriamanitra amin' ny saina ara-nofo, **F&F** 67:10–12. Nanomboka nanarana ny vatana, nanarana ny filana ary ho devoly toetra ny olona, **Mos.** 5:13; 6:49.

ARETINA. *Jereo* Marary

ARIKANJELY. *Jereo koa* Adama; Mikaela

Mikaela na i Adama no arikanjely, na lehiben' ny anjely.

Ny Tompo no hidina avy any an-danitra miaraka amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely, **1 Tes.** 4:16. Mikaela no ilay arikanjely, **Joda** 1:9 (**F&F** 29:26; 88:112; 128:20–21).

ARIVOTAONA. *Jereo koa* Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany; Helo

Arivo taona mandry fahalemana izay hanomboka amin' ny fiverenan' i Kristy tenany hanjaka eto an-tany (**Fp.** 1:10).

Ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely, na hianatra ady intsony, **Isa.** 2:4 (**2 Ne.** 12:4; **Mika** 4:3). Ny tany efa lao dia tonga tahaka ny saha Edena, **Ezek.** 36:35. Velona sy niara-nanjaka tamin' i Kristy arivo taona izy ireo, **Fan.** 20:4. Noho ny fahamarinana dia tsy manam-pahefana i Satana, **1 Ne.** 22:26. Izaho dia hitoetra amim-pahamarinana eto antany arivo taona, **F&F** 29:11. Tsy hamin-dra fo amin' ny tany afa-tsy fotoana fohy Aho rehefa hifarana ny arivo taona, **F&F** 29:22. Ho avy ny Arivotaona Lehibe, **F&F** 43:30. Hitombo tsy manam-pahotana ny zanaky ny marina, **F&F** 45:58. Hitombo ny ankizy mandra-pahatonga azy ho antitra, hovana ao amin' ny indray mipi-maso ny olona, **F&F** 63:51. Amin' ny fiandohan' ny arivo taona fahafito no hanamasinan' ny Tompo Andriamanitra ny tany,

F&F 77:12. Tsy velona indray ireo raha tsy efa mifarana ny arivo taona, **F&F 88:101.** Hofatorana i Satana mandritra ny arivo taona, **F&F 88:110.** Fitantarena ny Arivotaona, **F&F 101:23–34.** Mandritra ny arivo taona dia hitsahatra ny tany **Mos. 7:64.**

ASA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, mpanjaka fahatelon' i Joda. Ny soratra masina dia mirakitra fa “nahitsy teo imason' i Jehovah ny fon' i Asa tamin' ny andro rehetra niainany” (1 Mpan. 15:14). Nandritra ny fitondrany, dia nanangana tafika mahomby izy ka nanjera ny ziogan' ny Etiopiana, nanaisotra ny fahavetavetana ary nanainga ny olona hanao fanekena mba hitady an' i Jehovah (1 Mpan. 15–16; 2 Tan. 14–16). Nony efa narary tao amin' ny tongony anefa izy dia tsy nikatsaka ny fanampian' ny Tompo ka maty (1 Mpan. 15:23–24; 2 Tan. 16:12–13).

ASA

Ny ataon' ny olona, na tsara na ratsy. Hotsaraina araka ny asany avy ny olona tsirairay.

Hovalian' Andriamanitra araka ny ataony avy ny olona rehetra, **Ohab. 24:12.** Aoka hazava eo imason' ny olona toy izany koa ny fahazavanareo mba hahitany ny asa soa ataonareo, **Mat. 5:16** (3 Ne. 12:16). Izay manao ny sitrapon' ny Raiko no hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra, **Mat. 7:21.** Ny finoana tsy arahant' asa dia foana, **Jak. 2:14–26.** Tsy maintsy hotsaraina araka ny asany izy ireo, **1 Ne. 15:32** (Môsià 3:24). Fantatsika fa noho ny fahasovan' ny hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao, **2 Ne. 25:23.** Ampianaro izy tsy ho sasatra na oviana na oviana amin' ny asa soa, **Almà 37:34.** Ilaina ny tokon' ny hitsarana ny olona araka ny asany, **Almà 41:3.** Fa amin' ny asany no hahafantarana azy, **Môrô. 7:5** (F&F 18:38). Izaho Tompo dia hitsara ny olondrehetra araka ny asany, **F&F 137:9.**

ASA FANASOAVANA. *Jereo koa*
Fanampiana; Fanatitra;
Fanompoana; Fifadian-kanina;
Mahantra

Fomba sy enti-manana hikorakarana ny ilain' ny ara-panahy sy ny ara-nofon' ny olona.

Sokafy tsara amin' ny rahalahinao ny tananao, dia amin' ny malahelo sy ny mahantra eo amin' ny taninao, **Deot. 15:11.** Izay manome ny malahelo dia tsy hanan-java-mahory, **Ohab. 28:27.** Tsy izao va ny fifadiana izay ankasitrahako? Ny hizara ny mofonao ho an' ny noana, sy ny hampiantrano ny ory, **Isa. 58:6–7.** Fa noana Aho dia nomenareo hanina, nivahiny Aho dia nampiantranoinareo. Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko, **Mat. 25:35–40.** Hanome amin' ny fananareo ho an' ny ory ianareo, **Môsià 4:16–26.** Ary izy ireo dia nifampizara ny ara-nofy sy ny ara-panahy araka izay nilainy sy notadiaviny, **Môsià 18:29.** Izy ireo dia nodidina hiombon' amin' ny fifadian-kanina sy ny faherezana mivavaka ho fiadan' ny fanahin' ireo izay tsy nahalala an' Andriamanitra, **Almà 6:6.** Mivavaha ho an' ny fiadanareo, ary koa ho an' ny fiadan' ireo izay manodidina anareo, **Almà 34:27–28.** Niarahany nanana avokoa ny zavatra teo anivony, **4 Ne. 1:3.** Tsarovy ny mahantra, **F&F 42:30–31.** Vangio ny mahantra sy ny sahirana, **F&F 44:6.** Tsarovy ny mahantra sy ny sahirana amin' ny zavatra rehetra, **F&F 52:40.** Lozanareo mpanan-karena izay tsy te hanome amin' ny harenareo ho an' ny mahantra, ary lozanareo mahantra izay tsy afa-po, izay liam-bola sy tsy te hiasa, **F&F 56:16–17.** Tsy nisy mahantra teo anivon' i Ziona, **Mos. 7:18.**

ASA FITORIANA. *Jereo koa*
Filazantsara; Mitory

Fizaràna ny filazantsaran' i Jesoa Kristy amin' ny teny sy amin' ny ohatra. Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry mitondra teny soa mahafaly er' an-ten-

drombohitra, **Isa.** 52:7. Izaho no hiah-y ny ondriko sy handinidinika azy, **Ezek.** 34:11. Mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra, **Mar.** 16:15 (Môrm. 9:22). Efa masaka sahady mba hojinaina ny eny an-tsaha, **Jaô.** 4:35. Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina, **Rom.** 10:15. Mampianara azy ny tenin' Andriamanitra amin' ny fahazotoana rehetra, **Jkb.** 1:19. Ny Tompo dia manome lalana ny firenena rehetra mba hampianatra ny teniny, **Almà** 29:8. Mba ho azon' ny malemy sy ny tsotra ambara ny filazantsara, **F&F** 1:23. Asa iray mahatalanjona no efa akaiky hitranga, **F&F** 4:1. Ary raha toa aza ka miasa amin' ny andronareo rehetra ianareo ary mitondra na dia olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben' ny fifalianareo, **F&F** 18:15. Fa ny olomboafidiko dia mihaino ny feoko ary tsy manamafy ny fony, **F&F** 29:7. Mandehana tsiroaroa hitory ny filazantsarako, **F&F** 42:6. Tsy maintsy miala avy eo amin' ity toerana ity ny feo, **F&F** 58:64. Sokafy ny vavanareo hanambara ny filazantsarako, **F&F** 71:1. Manambarà ny marina araka ny fanambarana sy ny didy izay efa nomeko anareo, **F&F** 75:4. Ilaina ny olona nampitandremana mba hampitandrina ny namany, **F&F** 88:81 (**F&F** 38:40–41). Ny Tompo no hamatsy ny fianakavian' ireo izay mitory ny filazantsara, **F&F** 118:3. Handeha ireo mpanompon' Andriamanitra, **F&F** 133:38. Ireo loholona mahatoky, rehefa miala amin' ny toetry ny mety maty, dia manohy ny asany amin' ny fitoriana, **F&F** 138:57.

ASAN' NY APOSTOLY. *Jereo koa* Lioka

Ity boky ity no faharoa amin' ireo asa soratra roa nosoratan' i Lioka ho an' i Teofilo. Ny asa soratra voalohany dia fantatra amin' ny hoe: ny Filazantsara Araka an' i Lioka. Ny toko 1–12 dia mirakitra ny sasany amin' ireo asa fitoriana lehibe nataon' ny Apostoly Roa ambin' ny folo teo ambany fitarihan' i Petera avy hatrany, taorian' ny fahafatesan' ny Mpamonjy sy ny fitsan-

ganany tamin' ny maty. Ny toko 13–28 dia manoritra ny dian' i Paoly Apostoly sy ny asa fitoriana.

ASERA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Jakoba sy i Zilpa mpanompovavin' i Lea (**Gen.** 30:12–13).

Ny fokon' i Asera: Nitsodrano an' i Asera i Jakoba (**Gen.** 49:20), ary i Mosesy dia nitsodrano ireo taranak' i Asera (**Deot.** 33:1, 24–29). Ireo taranaka ireo no atao hoe “olom-boafidy sady mahery” (1 **Tan.** 7:40).

ASITRIKA. *Jereo* Batisa—Batisa asitrika

ASYRIA

Fanjakana taloha izay nanapaka, niaraka tamin' i Babylona rafiny, ny ankamaroan' ireo fanjakana tranainy tamin' i Syria sy i Palestina nandritra ny ankabeazan' ny fotoan' ny Testamenta Taloha. Na dia fanjakana matanjaka aza ny Asyriana hatreo amin' ny tapaky ny taonjato faha-12 talohan' i J.K. ka hatramin' ny fiasaran' ny taonjato faha-7 talohan' i J.K., dia tsy hainy na oviana na oviana ny nanangana rafi-pitondrana pôlitika naharitra. Izy ireo dia nitondra, tamin' ny fanjakan' ny fampihorohoroana, ny famongorana ny fahavalony tamin' ny afo sy ny sabatra, na ny fandripahana azy tamin' ny famindran-toerana ny ankamaroan' ny mponina ho any amin' ireo faritra hafa amin' ny fanjakany. Ny olom-peheziny dia tsy nitsahatra na oviana na oviana ny nitsangan-ko fahavalony ary ny fizotry ny tantaran' ny fanjakana dia voamariky ny fikomiana tsy an-kiato. (**Jereo** 2 **Mpan.** 18–19; 2 **Tan.** 32; **Isa.** 7:17–20; 10; 19; 37.)

ATERAKA. *Jereo koa* Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra; Lahitokana; Zanak' i Kristy; Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra

Teraka. Ny miteraka dia ny mamoka

avy ao an-kibo, ny mandatsaka antany, ny mahatonga ny olona hisy eto an-tany. Ao amin' ny soratra masina, dia ampiasaina hilazana ny naterak' Andriamanitra izany teny izany matehika. Na dia i Jesoa Kristy ihany aza no hany zanaka nateraky ny Ray teto amin' ny toetry ny mety maty, ny olona rehetra dia mety haterak' i Kristy ara-panahy amin' ny fanekena Azy, amin' ny fankatoavana ny didiny ka ho tonga olom-baovao amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina.

Izaho niteraka anao androany, **Sal.** 2:7 (Asa 13:33; Heb. 1:5–6; 5:5). Ny voninahiny dia ny an' ny Lahitokana avy tamin' ny Ray, **Jao.** 1:14 (2 Ne. 25:12; Almà 12:33–34; F&F 76:23). Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, **Jao.** 3:16 (F&F 20:21). Efa niteraka ara-panahy ny olony i Kristy, **Môsià** 5:7. Ireo izay ateraka amin' ny alalan' ny Tompo no isan' ny Fiangonan' ny Lahimatoa, **F&F** 93:22.

ATERAKA INDRAY, ATERAK' ANDRIAMANITRA. *Jereo koa*
Ateraka; Batisa; Fiovam-po;
Olona araka ny Nofo; Zanak' i
Kristy; Zanakalahy sy
Zanakavavin' Andriamanitra

Ny fananana ny Fanahin' ny Tompo dia mahatonga fiovana mahery vaika ao am-pon' ny olona, hany ka tsy manam-paniriana intsony ny hanao ratsy izy fa maniry kosa ny hikatsaka ny zavatr' Andriamanitra.

Hasiako fanahy vaovao ao anatinareo, **Ezek.** 11:19 (Ezek. 18:31; 36:26). Ireo izay nino ny anaran' i Kristy dia tsy nateraky ny ra, fa naterak' Andriamanitra, **Jao.** 1:12–13. Raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, dia tsy mahazo miditra amin' ny fanjakan' Andriamanitra, **Jao.** 3:3–7. Azo ateraka indray isika amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra, **1 Pet.** 1:3–23. Na zovy na zovy no naterak' Andriamanitra dia tsy manohy ao amin' ny ota, **DJS,** **1 Jn.** 3:9. Fa izay rehetra naterak' An-

driamanitra dia maharesy izao tontolo izao, **1 Jn.** 5:4. Ireo izay aterak' i Kristy dia manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra, **Môsià** 3:19; 5:2–7. Ny olona rehetra dia tsy maintsy ateraka indray; eny, aterak' Andriamanitra, **Môsià** 27:25–26 (Almà 5:49). Efa naterak' Andriamanitra indray araka ny fanahy ve ianareo? **Almà** 5:12–19. Raha tsy ateraka indray ianareo dia tsy afaka mandova ny fanjakan' ny lanitra, **Almà** 7:14. Na zovy na zovy no mino ny teniko dia haterako izy, hateraky ny rano sy ny Fanahy, **F&F** 5:16. Tsy maintsy ateraka indray ianareo ao amin' ny fanjakan' ny lanitra, **Mos.** 6:59.

ATOKANA. *Jereo koa* Antso;
Fametrahan-tanana

Fidiana sy atokana ho an' ny tanjona masina. Io fanendrena io dia mikasika fanompoana iray manokana ao amin' ny lamin' ny Fiangonana, amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana ataon' ny olona izay manana ny fahefana aradalàna. Ireo miadidy ny kôlejin' ny fisoronana ihany no mandray fanalahidy rehefa atokana. Ny olona izay atokana amin' ny fanompoana ivelan' ny fiadidiana ny kôlejin' ny fisoronana dia afaka mandray tsodranon' ny fisoronana saingy tsy misy fanalahidy atolotra miaraka amin' izany tsodrano izany.

Atokany ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa, **Asa** 13:2–3. Hisy eveka hafa hatokana, **F&F** 68:14. Ny eveka izay mpitsara tsotra dia hatokana amin' ny anjara fanompoany, **F&F** 107:17, 74. Tsy maintsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminiana sy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana ny olona, **Fp.** 1:5.

AVANA. *Jereo koa* Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly; Safo-drano tamin' ny Andron' i Noa; Sambofiara

Famantarana na mariky ny fanekempihavanana nataon' Andriamanitra tamin' i Noa (Gen. 9:13–17). Manazava ny DJS, Gen. 9:21–25 fa ilay fanekem-

pihavanana dia mahafoaka ny fampantenanana fa tsy ho safotry ny rano intsony ny tany, fa hiverina ny Zionan' i Enoka, ary ho avy hitoetra eto an-tany indray ny Tompo.

AVONAVONA. *Jereo* Fiavonavonana

BABELA, BABYLONA. *Jereo koa*
Izao Tontolo izao; Nebokadnezara

Ny renivohitr' i Babylonia.

Babela dia naorin' i Nimroda ary anankiray tamin' ireo tanàna tranainy indrindra teo amin' ny tany Mesopotamia na Sinara (Gen. 10:8–10). Nokorokoroan' ny Tompo ny fiteny tamin' ny fotoana izay nananganan' ny olona ny Tilikambon' i Babela (Gen. 11:1–9; Ete. 1:3–5, 33–35). Nanjary renivohitr' i Nebokadnezara i Babylona tatỳ aoriana. Nanorina tanàna goavana izy, izay ny faharavany sisa tafajanona. Nanjary tanàna tena ratsy i Babylona ka tonga sarin' ny faharatsian' izao tontolo izao.

Mandosira hiala an' i Babylona, **Jer.** 51:6. Haorina i Babylona ary hianjera, **Fan.** 17–18. Horavana i Babylona, **2 Ne.** 25:15. Hianjera i Babylona, **F&F** 1:16. Tsy hitsitsy izay mitoetra ao Babylona Aho, **F&F** 64:24. Mandehana ianareo mivoaka an' i Babylona, **F&F** 133:5, 7, 14.

BAIBOLY. *Jereo koa* Apôkrifa;

Efraïma—Ny tapa-kazon' i Efraïma na i Josefa; Joda—Ny tapa-kazon' i Joda; Soratra Masina; Soratra Masina Ankatoavin' ny Fiangonana; Testamenta Taloha; Testamenta Vaovao

Fitambaran' ireo asa soratra Hebreo sy Kristiana izay mirakitra ireo fanambaran' avy amin' Andriamanitra. Ny hevity ny teny hoe Baiboly dia “ireo boky.” Ny baiboly dia asasoratr' ireo mpaminany maro sy mpanoratra nentanimpanahy izay niasa araka ny fitaoman' ny Fanahy Masina (2 Pet. 1:21).

Ny Baiboly Kristiana dia mizara roa, fantatra araka ny mahazatra amin' ny hoe: ny Testamenta Taloha sy Vaovao.

Ny Testamenta Taloha dia ahitana ireo bokin' ny soratra masina nampiasaina teo anivon' ireo Jiosin' i Palestina nandritra ny asa fanompoan' ny Tompo teto an-tany. Ny Testamenta Vaovao dia mirakitra ireo asasoratra tamin' ny andron' ny Apostoly sady heverina ho manana fahamasinana sy fahefana mitovy amin' ireo soratra masina Jiosy. Ireo boky ao amin' ny Testamenta Taloha dia notsoahina avy tamin' ny haisora-pirenena naharitra taonjato maro ary saiky nosoratana tanteraka tamin' ny fiteny Hebreo, raha ireo boky ao amin' ny Testamenta Vaovao kosa dia asan' ny taranaka tokana ary nosoratana indrindra tamin' ny fiteny Grika.

Ao amin' ny Testamenta Taloha ny teny hoe *testamenta* dia mitana ny toeran' ny teny Hebreo izay “ fanekempihavanana ” no heviny. Ny Fanekempihavanana Taloha dia lalàna izay nomena an' i Mosesy, rehefa notsipahin' ny Isiraely ny fahafenoan' ny filazantsara izay nananan' ny vahoakan' Andriamanitra hatry ny fiandohan' ny toetry ny mety maty. Ny fanekempihavanana Vaovao dia ny filazantsara araka ny nampianaran' i Jesoa Kristy azy.

Ireo boky ao amin' ny Baiboly Hebreo (ny Testamenta Taloha) dia nozaraina ho toko telo: ny Lalàna, ireo Mpaminany ary ireo Asasoratra. Mandahatra ireo boky araka ny votoatin-kevitra ny Baiboly ampiasain' ny Kristiana, toy ny hoe tantara, tononkalo ary faminaniana.

Toy izao amin' ny ankapobeny no filahatr' ireo boky ao amin' ny Testamenta Vaovao: Ireo Filazantsara efatra sy ny Asan' ny Apostoly; ireo epistilin' i Paoly; ireo epistily faobe an' i Jakoba, i Petera, i Jaona ary i Joda; ary ny Fanambaran' i Jaona.

Manoa sy manaja ny Baiboly ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ary milaza ihany koa fa tohizan' ny Tompo ny fanomezana fanampim-panambaranana, amin' ny alalan' ireo mpaminaniny amin' ny andro farany, izay manohana sy manamarina ny fitantaran' ny Baibo-

ly ny amin' ny fitondran' Andriamani-
tra ny olombelona.

Ny tapa-kazon' i Joda (ny Baiboly) sy
ny tapa-kazon' i Josefa (ny Bokin' i
Môrmôna) dia hanjary ho iray ihany
eo an-tanan' ny Tompo, **Ezek.** 37:15–20.
Ny fahamarinan' ny Baiboly dia haorin-
n' ny soratra masin' ny Andro Farany,
1 Ne. 13:38–40. Hitambatra amin'
ny Baiboly ny Bokin' i Môrmôna ho
fampitsaharana ny fotopampianarana
sandoka, **2 Ne.** 3:12. Baiboly iray!
Baiboly iray! Efa manana Baiboly iray
izahay, **2 Ne.** 29:3–10. Izay rehetra
mino ny Baiboly dia hino koa ny Bokin'
i Môrmôna, **Môrm.** 7:8–10. Ireo loho-
lona dia hampianatra ireo fitsipiky ny
filazantsarako, izay ao amin' ny Bai-
boly sy ny Bokin' i Môrmôna, **F&F**
42:12. Mino ny Baiboly ho tenin' An-
driamanitra isika araka ny mahamarina
ny dikanten' **Fp.** 1:8.

BAIBOLY, DIKANTENIN' I JOSEPH SMITH (DJS). *Jereo* Dikantenin' i Joseph Smith (DJS)

BALA. *Jereo* koa Fanompoan-tsampy
Andriamanidahy masoandro notom-
poina indrindra tany Foinisia (1 Mpan.
16:31) fa notompoina tamin' ny fomba
samy hafa koa tamin' ny toerana samy
hafa: fantatra tamin' ny hoe Bala-peora
teo amin' ny Moabita (Nom. 25:1–3),
Bala-berita tao Sekema (Mpits. 8:33;
9:4) Bala-zeboba tao Ekrona (2 Mpan.
1:2). Mety ho iray ihany ny Bala sy ny
Bela tao Babylona na Zeosa teo amin'
ny Grika. Ny teny hoe *Bala* dia maneho
ny fifandraisana eo amin' ny tompo sy
ny andevony. Toy ny fahita dia ombala-
hy no sarin' i Bala. Amin' ny ankapobe-
ny dia i Astoreta no andriamanibavy
niara-notompoina tamin' i Bala.

Matetika dia nampiarahina tamin'
ny anarana na ny teny iray hafa ny hoe
Bala mba hanehoana ny fifandraisany
amin' i Bala, toy ny toerana izay nanom-
poana azy na ny olona izay nanana ny
toetran' i *Bala*. Tatỳ aoriana, dia novana
ho *Boseta* izany tamin' ireny anarana
nakambana ireny, satria nanjary ratsy

loatra ny hevitra ny hoe Bala. Ny hevi-
try ny hoe *Boseta* dia “Henatra.”

BALAMA

Mpaminany iray ao amin' ny Testamen-
ta Taloha, izay nitady hanozona an' i
Isiraely noho ny vola. Nodidian' ny
Tomo izy tsy hanozona an' i Isiraely
(Nom. 22–24).

Nandà ny handroso ny borikin' i Bala-
ma, satria nijoro teo amin' ny lalany
ny anjely iray, **Nom.** 22:22–35.

BALISAMA AVY ANY GILEADA

Ditin-kazo manitra na laron-tsakafo
nampiasaina hanasitranana fery (Gen.
43:11; Jer. 8:22; 46:11; 51:8). Ny hazo
izay namokatra ny dity nanaovana ny
balisama dia nandrobona be tokoa
tany Gileada, tamin' ny fotoan' ny
Testamenta Taloha, ka fantatra tamin'
ny hoe ny “balisama avy any Gileada”
(Gen. 37:25; Ezek. 27:17).

BARABASY

Anaran' ilay lehilahy novotsorana
teo amin' ny toeran' i Jesoa tamin' ny
fotoan' ny Fanomboana. Barabasy dia
mpikomy, mpamono olona ary mpan-
galatra (Mat. 27:16–26; Mar. 15:6–15;
Lio. 23:18–25, Jao. 18:40).

BARNABASY

Anarana nomena an' i Josefa (atao koa
hoe Josesy), Levita iray avy any Kipro-
sy, izay nivarotra ny sahany ary nanolo-
tra ny Apostoly ny vola (Asa 4:36–37).
Na dia tsy anisan' ny Apostoly Roa
ambin' ny folo lahy voalohany aza izy
dia lasa Apostoly (Asa 14:4, 14) ka
nanompo ary nandeha nanefa asa fito-
riana maro (Asa 11:22–30; 12:25; 13–15;
1 Kor. 9:6; Gal. 2:1, 9; Kol. 4:10).

BARTOLOMEO. *Jereo* koa Natanaela

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, anan-
kiray tamin' ny Apostoly Roa ambin' ny
folo lahy niaraka tamin' i Jesoa Kristy
hatrany am-piandohana (Mat. 10:2–4).

BATISA. *Jereo koa* Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra; Batisan' ny
Zaza; Fanahy Masina; Ôrdônansy

Avy amin' ny teny Grika izay midika hoe "mandroboka" na "manitrika". Ny batisa asitrika ao anaty rano, ataon' izay nahazo fahefana no ôrdônansy voalohany amin' ny filazantsara ary ilaina mba hahatonga ny olona ho mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ialohavan' ny finoana an' i Jesoa Kristy sy ny fibebahana izany. Tsy maintsy arahin' ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina izany vao feno. (2 Ne. 31:13–14). Ilaina ny batisa amin' ny rano sy ny Fanahy mialohan' ny hahafahan' ny olona miditra ny fanjakana selestialy. Adama no natao batisa voalohany (Mos. 6:64–65). Jesoa koa dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra ary hanoro ny lalana ho an' ny olombelona rehetra (Mat. 3:13–17; 2 Ne. 31:5–12).

Noho ireo olona rehetra niaina teto an-tany tsy nanana fahafahana hanekena ny filazantsara nandritra ny toetra ny mety maty, dia nomen' ny Tompo lalana ny hanaovana ny batisa isoana tena ny maty. Koa ireo izay manaiky ny filazantsara ao amin' ny tontolon' ny fanahy dia mahazo miditra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

Tsy maintsy atao: Ekeo ihany ankehitriny hahatanteraka ny fahamarinana rehetra, **Mat.** 3:15. Tonga i Jesoa ka nataon' i Jaona batisa, **Mar.** 1:9. Ny Fariseo sy ny mpahay lalàna kosa nandà ny fikasan' Andriamanitra, satria tsy mba nanatona hatao batisa, **Lio.** 7:30. Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin' ny fanjakan' Andriamanitra izy, **Jao.** 3:5. Mibebaha ary aoka samy hatao batisa ianareo rehetra, **Asa** 2:38. Mandidy ny olon-drehetra izy ny tsy maintsy hanaovana batisa azy amin' ny anarany, **2 Ne.** 9:23–24. Ny olona dia tsy maintsy manara-dia an' i Kristy, atao batisa, mandray ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin' ny farany

mba ho voavonjy, **2 Ne.** 31. Ny fotopam-pianaran' i Kristy dia ny tokony hinoan' ny olona sy ny hanaovana batisa azy, **3 Ne.** 11:20–40. Ireo izay tsy mino ny teninareo sady tsy atao batisa amin' ny rano amin' ny anarako dia hohelohina, **F&F** 84:74. Nohazavain' Andriamanitra tamin' i Adama ny antony ilana ny fibebahana sy ny batisa, **Mos.** 6:52–60.

Batisa asitrika: Raha vao vita batisa i Jesoa, dia niakatra avy teo amin' ny rano niaraka tamin' izay, **Mat.** 3:16 (Mar. 1:10). Koa i Jaona nanao batisa, satria nisy loharano maro tao, **Jao.** 3:23. Nidina ho eo amin' ny rano i Filipo sy ilay tandapa, **Asa** 8:38. Niara-nalevina taminy tamin' ny batisa isika, **Rom.** 6:4 (Kol. 2:12). Manaraka ny Tomponareo sy ny Mpamonjy anareo midina ao anaty rano, **2 Ne.** 31:13. Nalevina tao anaty rano i Almà, i Helamàna ary ireo hafa, **Môsiah** 18:12–16. Ary amin' izany ianareo dia hanitrika azy ao anaty rano, **3 Ne.** 11:25–26. Hazavaina ny tena fomba fanaovana batisa, **F&F** 20:72–74. Izy ireo dia natao batisa araka ny fomba nandevenana Azy, rehefa nalevina tao anaty rano tamin' ny anarany, **F&F** 76:50–51. Nasoka tao ambany rano i Adama ary navoaka avy tao anaty rano, **Mos.** 6:64. Batisa asitrika ho famelana ny fahotana, **Fp.** 1:4.

Batisa ho famelana ny fahotana: Mitsangàna ary aoka hatao batisa ianao ka hosasana ho afaka amin' ny fahotanao, **Asa** 2:16. Aorian' ny batisa, dia tonga ny famelana ny fahotananareo amin' ny alalan' ny afo sy ny Fanahy Masina, **2 Ne.** 31:17. Avia ary aoka hatao batisa ho amin' ny fibebahana mba hahazoana manasa anareo amin' ny fahotananareo, **Almà** 7:14. Hotahiana ireo izay hino sy hatao batisa fa ho azony ny famelana ny fahotany, **3 Ne.** 12:1–2. Hambaranao kosa ny fibebahana sy ny finoana ny Mpamonjy ary ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny batisa, **F&F** 19:31. Mino ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana isika, **Fp.** 1:4.

Fahefana ara-dalàna: Mandehana ianareo dia ataovy mpianatra ny firenena

rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny zanaka ary ny Fanahy Masina, **Mat.** 28:19 (F&F 68:8). Naniry ny hatao batisa i Limia sy ny ankamaroan' ny olony; saingy tsy nisy teo amin' ny tany izay nanana ny fahefana avy tamin' Andriamanitra, **Môsià** 21:33. Izaho manome fahefana anao mba hanao batisa, **3 Ne.** 11:19–21. Ny Fisoronana Aharôna dia mihazona ireo fanalahidin' ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana, **F&F** 13:1. Izy ireo no ireo izay voatokako mba hanao batisa amin' ny anarako, **F&F** 18:29. Nomen' i Jaona Mpanao Batisa an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny fahefana hanao batisa, **JS—T** 1:68–69.

Toetra takiana amin' ny batisa: Mibebaha ianareo ka aoka hatao batisa amin' ny anaran' ny Zanako Malalako, **2 Ne.** 31:11. Tsy maintsy mibebaka ary ateraka indray ianareo, **Almà** 7:14. Tandremo sao dia atao batisa tsy amimpahamendrehana ianareo, **Môrm.** 9:29. Ampianaro ny ray aman-dreny fa tsy maintsy mibebaka sy atao batisa ary manetry ny tenany izy, **Môrô.** 8:10. Aroso etoana ireo toetra takina ho an' ireo izay maniry ny hatao batisa, **F&F** 20:37. Hatao batisa ny ankizy ho famelana ny fahotany rehefa feno valo taona, **F&F** 68:25, 27.

Fanekempihavanana atao amin' ny alalan' ny batisa: Efa nanao fanekempihavanana tamin' ianareo fa hanompo Azy sy hitandrana ny didiny, **Môsià** 18:8–10, 13. Ireo izay mibebaka, mitondra ny anaran' i Kristy ary manana finia-vana ny hanompo Azy no horaisina amin' ny batisa, **F&F** 20:37.

Batisa ho an' ny maty: Hanao ahoana izay atao batisa ny amin' ny maty, **1 Kor.** 15:29. Ny batisa ho an' ny maty dia tanterahina ho famelana ny fahotana, **F&F** 124:29; 127:5–9; 128:1; 138:33.

Tsy natao ho an' ny zaza ny batisa: Fanarabiana marina tokoa eo anoloan' Andriamanitra ny hanaovanareo batisa ny ankizy madinika, **Môrô.** 8:4–23. Hatao batisa ny ankizy rehefa feno valo taona, **F&F** 68:27. Ny ankizy rehetra

izay maty alohan' ny hahatratrarany ny taona maha-tompon' andraikitra azy dia voavonjy ao amin' ny fanjakana selestialy, **F&F** 137:10.

BATISAN' NY ZAZA. *Jereo koa*
Ampamoahina, Ampamoaka;
Batisa—Tsy ho an' ny zaza ny
Batisa; Famonjena—Famonjena
ny ankizy; Zanaka

Fomba tsy ilaina ny fanaovana batisa ny zazakely sy ny ankizy tsy mbola mahatratra ny taona maha-tompon' andraikitra, izay valo taona. Manameloka ny batisan' ny zaza ny Tompo (Môrô. 8:10–21). Nateraka ho zazabodo tsy manam-pahotana ny ankizy. Tsy manan-kery haka fanahy ny ankizy i Satana raha tsy efa azo ampamoahina izy ireo (F&F 29:46–47), koa tsy tokony hibe-baka na hatao batisa izy ireo. Tokony hatao batisa ny ankizy rehefa feno valo taona (F&F 68:25–27).

BATSEBA. *Jereo koa* Davida

Vadin' i Oria; lasa vadin' i Davida tatỳ aoriana ary renin' i Solomona. Nani-tsakitsa-bady niaraka tamin' i Davida Mpanjaka. Izy koa no nampandry ny tetika hamonoana ny vadin-dravehivavy tamin' ny ady (2 Sam. 11), fahotana izay nanana fiantraikany mandrakizay tamin' i Davida (F&F 132:39).

BE HERIMPO. *Jereo* Herimpo

BELSAZARA. *Jereo koa* Babela,
Babylona

Ao amin' ny Testamenta Taloha: ny mpanjaka farany tao Babylona, nanjaka talohan' ny nanjanahan' i Kirosy an' i Babylona; zanakalahin' i Nebokadnezara sady mpandimby azy (Dan. 5:1–2).

BENJAMÎNA, RAIN' I MÔSIÀ.

Jereo koa Môsià, Zanakalahin' i
Benjamîna

Mpaminany sady mpanjaka ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (Môsià 1–6).

Tojo olana sarotra tamin' ny fampanjaka ny fandriampahalemana teo amin'

ny tany, **Omn.** 1:23–25 (TiM. 1:12–18). Nampianatra ny zanany lahy, **Môsià** 1:1–8. Nanolotra ny fanjakany an' i Môsià zanany lahy, **Môsià** 1:9–18. Nian-gona ny vahoakany mba handre ny la-hateniny farany, **Môsià** 2:1–8. Nikabary tamin' ny vahoakany, **Môsià** 2:9–4:30. Nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo ny vahoakany, **Môsià** 5–6.

BENJAMINA, ZANAKALAHIN' I

JAKOBA. *Jereo koa* Isiraely;
Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny faharoa amin' ny zanakalahin' i Jakoba sy i Rahely (Gen. 35:16–20).

Ny fokom-pirenen' i Benjamina: Nitsodra-no an' i Benjamina i Jakoba (Gen. 49:27). Ny taranak' i Benjamina dia vahoaka mpiantafika. Anisan' ireo Benjamita roa nalaza i Saoly, ilay mpanjaka voalohany teo amin' ny Isiraelita (1 Sam. 9:1–2) sy i Paoly, ilay Apostoly ao amin' ny Testamenta Vaovao (Rom. 11:1).

BETANIA

Ny tanàna izay nijanonan' i Jesoa Kristy nandritra ny herinandro farany niaina-ny teto an-tany (Mat. 21:17; Mar. 11:11). Miorina eo atsimo atsinanana amin' ny tehezana ny Tendrombohitra Oliva i Betania izay toeram-ponenan' i Lazarosy, i Maria ary i Marta (Jao. 11:1–46; 12:1).

BETELA

Midika hoe “tranon' Andriamanitra” amin' ny fiteny Hebreo ary anankiray amin' ireo toerana masina indrindra amin' ny Isiraely. Sahabo ho enina ambin' ny folo kilaometatra, avaratr' i Jerosalema. Tao i Abrahama no nanganana ny alitarany tamin' ny fotoana nahatongavany voalohany tany Kanana (Gen. 12:8; 13:3). Tao i Jakoba no nahita tamin' ny fahitana ny tohatra niakatra hatrany an-danitra (Gen. 28:10–19). Toerana masina koa izany tamin' ny andron' i Samoela (1 Sam. 7:16; 10:3).

BETLEHEMA

Tanàna kely miorina sahabo ho valo

kilaometatra, atsimon' i Jerosalema. Ny hoe Betlehema dia “tranon' ny mofo” no heviny amin' ny fiteny Hebreo; izany koa dia atao hoe Efrata, ka “mahavoka-tra” no heviny. Teraka tao Betlehema i Jesoa Kristy (Mika 5:2; Mat. 2:1–8). Izany no toerana nilevenan' i Rahely, (Gen. 35:19; 48:7).

Nonina tao i Rota sy i Boaza, **Rota** 1:22. Tao no nanosoran' i Samoela an' i Davida, **1 Sam.** 16:1–13; 17:12, 15; 20:6, 28. Tao no nampamonoan' i Heroda an' ireo zazakely, **Mat.** 2:16.

BOAZA. *Jereo koa* Rota

Vadin' i Rota (Rota 4:9–10); raiben' i Davida mpanjakan' ny Isiraely (Rota 4:13–17); ary razamben' i Kristy, ilay Mpanjakan' ny Mpanjaka (Lio. 3:32).

BOKIM-PAHATSIAROVANA.

Jereo koa Bokin' ny Fiainana;
Tetiarana

Boky natombok' i Adama izay nanorata- tana ny asan' ny taranany; na koa izay mety ho rakitsoratra mitovy amin' izany ka notanan' ireo mpaminany sy mpikambana mahatoky hatramin' izany fotoana izany. Adama sy ny zanany dia nitana bokim-pahatsiarovana izay nanoratany araka ny fitaoman' ny fanahy, sy bokin' ny taranaka izay nirakitra ny tetiarana (Mos. 6:5, 8). Ny rakitsoratra toy izany dia mety hanana anjara toerana lehibe eo amin' ny famaritana ny ho fitsarana farany antsika.

Nosoratana ny bokin' ny fahatsiarovana, **Mal.** 3:16–18 (3 Ne. 24:13–26). Ireo rehetra izay tsy hita ho voasoratra tao amin' ny bokin' ny fahatsiarovana dia tsy hahita lova amin' izany andro izany, **F&F** 85:9. Ny maty dia notsaraina tamin' ny alalan' ireo boky izay nirakitra ny tantaran' ny asany, **F&F** 128:7. Aoka isika hanolotra ny rakitsoratra momba ny maty eo amintsika, **F&F** 128:24. Notanana ny bokin' ny fahatsiarovana, **Mos.** 6:5–8. Manana ny bokin' ny fahatsiarovana isika, **Mos.** 6:46. Nimasoan' i Abrahama ny nitana rakitsoratra ho an' ny taranany, **Abr.** 1:31.

BOKIN' I MÔRMÔNA. *Jereo koa*

Efraïma—Ny tapa-kazon' i Efraïma na i Josefa; Joseph Smith, zanany; Môrmôna, Mpaminany Nefita; Soratra Masina; Soratra Masina Ankatoavin' ny Fiangonana; Takela-bolamena; Takelaka; Vavolombelona ny Bokin' i Môrmôna

Anankiray amin' ireo bokin-tsoratra masina efatra eken' ny Fiangonana' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Izany dia famintinana ireo rakitsoratra ny mponina fahiny tany Amerika, nataon' ilay mpaminany fahiny izay i Môrmôna no anarany. Nosoratana izany ho vavolombelona hanambara fa i Jesoa no Kristy. Hoy i Joseph Smith Mpaminany momba ity rakitsoratra izay nadikany tamin' ny alalan' ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin' Andriamanitra ity: "Nolazai-ko ny rahalahy fa ny Bokin' i Môrmôna no boky marina indrindra amin' ny boky rehetra eto an-tany ary vato ifaharan' ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin' ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin' ny boky hafa". (Jereo ny teny fanolorana ao amin' ny voalohandohan' ny takila, ao amin' ny Bokin' i Môrmôna).

Ny Bokin' i Môrmôna dia rakitsoratra ara-pivavahana an' ireo andian' olona telo izay nifindra monina avy tany Eorôpa sy Azia nankany amin' ny kaontinanta Amerikanina. Ireo andian' ireo dia notarihin' ny mpaminany izay nirakitra ny tantaran' ny fiainany sy ny momba ny fivavahany teo amin' ny takela-by. Ny Bokin' i Môrmôna dia mirakitra ny famangian' i Jesoa Kristy ny mponina tany Amerika taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty. Nanjaka nandritra ny roanjato taona ny fandriampahalemana taorian' io famangian' i Kristy io.

Môrônia, ilay farany tamin' ireo mpaminany sady mpahay tantara Nefita, dia nifehy ny rakitsoratra voafintina an' ireo vahoaka ireo ka nanafina izany tokony ho 421 taona taorian' i

J.K. Tamin' ny taona 1823, dia naman-gy an' i Joseph Smith i Môrônia izay efa nitsangana tamin' ny maty ka nanolotra azy izany rakitsoratra trainy sy masina izany tatỳ aoriana, mba hadika sy havoaka ho an' izao tontolo izao ho toy ny Testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy.

Josefa dia sampana mahavokatra ka ny rantsany dia mananika mihoatra ny fefy, **Gen.** 49:22–26. Ny fahamarinana dia hitsimoka amin' ny tany, **Sal.** 85:11 (**Môrm.** 8:16; **Mos.** 7:62). Hanangana faneva ho an' ireo firenena ny Tompo ary hisiaka azy ireo, **Isa.** 5:26. Hiteny avy amin' ny tany ny feo. **Isa.** 29:4 (2 **Ne.** 26:14–17). Ny fahitana ny amin' izany rehetra izany dia tonga tahaka ny teny amin' ny taratasy voaisy tombokase, **Isa.** 29:11 (**Isa.** 29:9–18; 2 **Ne.** 27:6–26). Ny tapa-kazon' i Josefa sy ny an' i Joda dia ho iray ihany eo an-tanana' ny Tompo. **Ezek.** 37:15–20. Manana ondry hafa izay tsy amin' ity vala ity Aho, **Jao.** 10:16 (3 **Ne.** 15:16–24). Ny Bokin' i Môrmôna sy ny Baiboly dia hiara-hitombo, 2 **Ne.** 3:12–21. Ny tenin' ny Tompo dia hisiaka hatrany amparan' ny tany, 2 **Ne.** 29:2. Nifanaiky tamin' ny Tompo i Enôsy mba hitondra ny Bokin' i Môrmôna any amin' ny Lamanita, **Enô.** 1:15–16. Ny Bokin' i Môrmôna dia nosoratana ka ny tanjona dia ny hahazoantsika mino ny Baiboly, **Môrm.** 7:9. Ny Bokin' i Môrmôna dia hijoro ho toy ny tenivavolombelona hampanga izao tontolo izao, **Ete.** 5:4. Anontanio Andriamanitra raha tsy marina ireo zavatra ireo, **Môrô.** 10:4. Vavolombelona nanambara i Kristy fa marina ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 17:6. Ny Bokin' i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, **F&F** 20:9 (**F&F** 20:8–12; 42:12). Mino ny Bokin' i Môrmôna ho tenin' Andriamanitra isika, **Fp.** 1:8.

BOKIN' IREO DIDY. *Jereo koa*

Fanambarana; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

Tamin' ny taona 1833, ny maro tamin' ireo fanambarana voarain' i Joseph

Smith Mpaminany dia nomanina mba havoaka ho boky ka hitondra ny lohateny hoe: Boky misy ireo Didy ho Fitondrana ny Fiangonan' i Kristy. Nanohy ny fifandraisany tamin' ireo mpanompony ny Tompo ka ireo fanambarana voangona sady nampiana dia navoaka roa taona tatỳ aoriana araka ny lohateny hoe: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

F&F 1 no sasin-tenin' ny Tompo ho an' ny boky misy ny didiny, **F&F** 1:6. Nihaiika ny olona hendry indrindra ny Tompo mba haka tahaka ny kely indrindra amin' ny fanambarany ao amin' ireo Bokin' ireo Didy, **F&F** 67:4–9. Notendrena ireo mpitantan-draharaha mba hamoaka an' ireo fanambarana, **F&F** 70:1–5.

BOKIN' NY FIAINANA. *Jereo koa*

Bokim-pahatsiarovana

Amin' ny lafiny iray, ny Bokin' ny Fiaianana dia ny fitambaran' ireo eritreritra sy zavatra nataon' ny olona—ny tantaran' ny fiainany. Manambara koa anefa ny soratra masina fa misy rakisoratra any an-danitra, tanana ho an' ny mahatoky, ka ao anatin' izany ny anarany sy ny fitantarana ny zavatra marina vitany.

Hovonoin' ny Tompo ao amin' ny bokiny ny anaran' ny mpanota, **Eks.** 32:33. Izay maharesy dia tsy hovonoina ao amin' ny bokin' ny fiainana ny anarany, **Fan.** 3:5. Nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin' ny fiainana izany, **Fan.** 20:12 (**F&F** 128:6–7). Ny anaran' ny marina dia hosoratana ao amin' ny bokin' ny fiainana, **Almà** 5:58. Ny vavakareo dia voarakitra ao amin' ny bokin' ny anaran' ny nohamasinina, **F&F** 88:2.

BOKY SORATRA MASINA VERY.

Jereo Soratra Masina—Soratra Masina very

COWDERY, OLIVER

Loholona faharoa tao amin' ny Fiangonana naverina ho amin' ny laoniny

ary anankiray tamin' ireo Vavolombelona Telo izay nanambara ny maha avy amin' Andriamanitra sy ny fahamari-nan' ny Bokin' i Môrmôna. Izy no nandray an-tsoratra raha nandika ny Bokin' i Môrmôna avy tamin' ireo takela-bolamena i Joseph Smith (**JS—T** 1:66–68).

Nahazo tenivavolombelon' ny fahamari-nan' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 6:17, 22–24. Natokan' i Jaona Mpanao Batisa, **F&F** 13 (**F&F** 27:8; **JS—T** 1:68–73, jereo ny naoty ho an' ny andini-ny 71). Rehefa nahazo finoana ianareo ary efa nahita azy ireo ny masonareo, dia hijoro ho vavolombelona ianareo fa efa nahita azy ireo, **F&F** 17:3, 5. Efa nasehoko anao tamin' ny alalan' ny Fanahiko fa marina ny zavatra izay efa nosoratanao, **F&F** 18:2. Voatendry sy voatokana ho isan' ny anankiray amin' ireo mpiandraiki-draharaha momba ireo fanambarana, **F&F** 70:3. Niara-nahazo ny fanalahidin' ny fisoronana tamin' i Joseph Smith, **F&F** 110.

DAMASKOSY

Tanàna fahiny tany Siria.

Damaskosy dia miorina eo amin' ny lemaka lonaka amoron' ny efitra sady tsara tondraky ny renirano Barada. Voalaza matetika ao amin' ny soratra masina izy (manomboka ao amin' ny **Gen.** 15:2). Teny an-dalana ho any Damaskosy i Paoly raha niseho tamin' ny Tompo efa nitsangana tamin' ny maty (**Asa** 9:1–27; **22:5–16**; **26:12–20**; **2 Kor.** 11:32–33).

DANA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Jakoba sy i Bila, mpanompo-vavin' i Rahely (**Gen.** 30:5–6).

Ny fokom-pirenen' i Dana: Ny amin' ny tsodrano nomen' i Jakoba an' i Dana, dia jereo **Genesisy** 49:16–18. Ny amin' ny tsodrano nomen' i Mosesy ny fokom-pirenen' i Dana, dia jereo ny **Deuteronomia** 33:22. Rehefa niorimponenana tao Kanana izy ireo, dia nahazo zara tany kely nefa lonaka izaitsizy

tokoa ny fokom-pirenén' i Dana. (Jos. 19:40–48). Tojo fahasahiranana lehibe izy ireo tamin' ny fiarovana izany tamin' ny Amorita (Mpits. 1:34) sy tamin' ny Filistiana (Mpits. 13:2, 25; 18:1). Noho izany, dia nifindra monina tao avaratr' i Palestina (Mpits. 18) nanodidina an' i Laisy ny Danita ary nanao indray ny anaran' ny tanàna hoe Dana. Izany tanàna izany dia fantatra tsara amin' ny maha-sisin-tany avaratr' i Palestina azy, izay miorina “hatreo Dana ka hatrany Beriseba.”

DANIELA

Izy no iompanan' ny bokin' i Daniela, ao amin' ny Testamenta Taloha; mpaminanin' Andriamanitra sady lehilahy manana finoana lehibe.

Tsy misy na inona na inona fantatra ny momba ny ray aman-dreniny na dia hita aza fa toa avy amina taranaka mpanjaka izy (Dan. 1:3). Lasan-ko babo tany Babylona izy ka tany no nahazoany ny anarana hoe Beltesazara (Dan. 1:6–7) Nandà ny hanin' ny mpanjaka i Daniela sy ireo babo telo hafa noho ny antony ara-pivavahana (Dan. 1:8–16).

Nahazo sitraka tamin' i Nebokadnezara sy i Dariosa i Daniela noho ny fahaizany mamantatra ny hevitra ny nofy (Dan. 2; 4). Izy koa no namaky sy nandika ny sora-tanana teo amin' ny rindrina (Dan. 5). Nioko nanohitra azy ny fahavalony, ka dia natsipy tao andavaky ny liona izy, kanefa nitsimbina ny ainy ny Tompo (Dan. 6).

Ny bokin' i Daniela: Misy fizarana roa ny boky: Toko 1–6: tantara momba an' i Daniela sy ireo namany telo; toko 7–12: ireo fahitana miharo faminaniana izay hitan' i Daniela. Ampianarin' ny boky fa zava-dehibe amin' Andriamanitra ny mitoetra ho mahatoky ary asehony fa mitahy ny olo-mahatoky ny Tompo.

Ny fanampiana lehibe entin' ny boky dia ny famantarana ny hevitra ny nofin' i Nebokadnezara mpanjaka. Ao amin' ny nofy, ny fanjakan' Andriamanitra amin' ny andro farany

dia ambara ho toy ny vato izay voaen-daka avy amin' ny tendrombohitra. Hikodiadia ny vato mandra-pameno-ny ny tany manontolo (Dan. 2; jereo koa F&F 65:2).

DARIOSY. Jereo koa Babela, Babylona

Ao amin' ny Testamenta Taloha, mpanjakan' ny Mediana, izay nanjaka tao Babylona taorian' ny fahafatesan' i Bel-sazara (Dan. 5:31; 6:9, 25–28; 9:1; 11:1).

DAVIDA. Jereo koa Batseba; Salamo

Mpanjakan' ny Isiraely fahiny ao amin' ny Testamenta Taloha.

Zanakalahin' i Jese, avy amin' ny fokom-pirenén' i Joda i Davida. Izy dia zatovolahy be herim-po, izay namono ny liona ny bera ary i Goliata, ilay olona goaiben' ny Filistiana (1 Sam. 17). Nofidina sy nohosorana ho mpanjakan' ny Isiraely i Davida. Nahavita heloka bevava toa an' i Saoly izy tamin' ny fahatanorany saingy nahay nanenina marina tokoa fa tsy mba toa an' i Saoly. Koa nahazo famelan-veloka izy afa-tsy tamin' ny famonoana an' i Oria (F&F 132:39). Azo zaraina efatra ny fiainany: (1) tao Betlehema, fony izy mpiandry ondry (1 Sam. 16–17); (2) tao an-dapan' i Saoly Mpanjaka (1 Sam. 18–19:18); (3) ny fandosirany (1 Sam. 19:18–2 Sam. 1:27); (4) mpanjakan' i Joda tao Hebrona (2 Sam. 2–4), ary mpanjakan' ny Isiraely iray manontolo tatỳ aoriana (2 Sam. 5–1 Mpan. 2:11).

Ny fahotan' i Davida, raha nijangajanga tamin' i Batseba izy, dia narahina fahavoazana maro izay nanimba ny roa-polo taona farany niainany. Tamin' ny ankapobeny, dia niroborobo ny firenena nandritra ny nanjakany, saingy izy Davida kosa dia nijaly vokatry ny fahotany. Nisy lalandava ny ady teo anivon' ny fianakaviany, izay raha ny momba an' i Absaloma sy i Adonia, dia niafara tamin' ny fikomiana an-kitsirano. Ireny fitrangan-javatra ireny dia fahatante-rahaman' ny ozona notononin' i Natana mpaminany tamin' i Davida noho ny fahotany (2 Sam. 12:7–13).

Na dia teo aza ireny, atambo ireny,

dia ny fitondran' i Davida no namirapiratra indrindra teo amin' ny tantaran' ny Isiraely, satria (1) nakambany ho firenena tokana ireo fokon-pirenena, (2) nataony mafy orina ny fizakana tsy iadian-kevitra ny tany, (3) naoriny teo amin' ny fivavahana marina ny fitondrampanjaka ka ny sitrapon' Andriamanitra no lalàn' i Isiraely. Tatỳ aoriana, dia noheverina ho toy ny fotoana volamena ho an' ny firenena ny fitondran' i Davida noho ireo antony ireo ary tandindon' ny fotoana be voninahitra kokoa rehefa ho avy ny Mesia (Isa. 16:5; Jer. 23:5; Ezek. 37:24–28).

Ny fiainan' i Davida dia mampiseho ny tokony haharetan' ny olona rehetra ao amin' ny fahamarinana hatramin' ny farany. Voalaza fa tamin' ny fahatanorany, dia olona "araka ny fon" ny Tompo izy (1 Sam. 13:14); nony lehibe izy dia niteny tamin' ny alalan' ny Fanahy sady nahazo fanambarana maro. Saingy novidiny lafo ny tsy fankatoavany ny didin' Andriamanitra (F&F 132:39).

DEBORA

Mpaminanivavy ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nitsara an' i Isiraely ary nandrisika an' i Baraka hanohitra ny Kananita (Mpitsara 4). Nankalaza ny fanafahana an' i Isiraely tamin' ny famatorana ny hiran' i Debora sy i Baraka (Mpitsara 5)

DELILA. *Jereo koa* Filistina

Vehivavy Filistina ao amin' ny Testamenta Taloha, izay namitaka sy namadika an' i Samsona (Mpits. 16).

DEUTERONOMIA. *Jereo koa* Pentateoka

Midika ho "famerenana ny lalàna" ary boky fahadimy ao amin' ny Testamenta Taloha

Deuteronomia dia mirakitra ny lahateny telo farany izay nataon' i Mosesy teo amin' ny lemak' i Moaba taloha kelin' ny nanovana azy. Ny lahateny voalohany (toko 1–4) dia teny fampidirana. Ny lahateny faharoa (toko 5–26)

dia mizara roa: (1) toko 5–11—ny Didy Folo sy ny fanazavana ny fampiharana azy; ary (2) toko 12–26—fehezan-dalàna izay mandrafitra ny votoatin' ny boky manontolo. Ny lahateny fahatelo (toko 27–30) dia mirakitra ny fanavaozana hentitra ny fanekempihavanana eo amin' i Isiraely sy Andriamanitra mbamin' ny filazana ny tsodrano izay manaraka ny fankatoavana ary ny ozona izay manaraka ny tsy fankatoavana. Toko 31–34 dia milazalaza ny fanolorana ny lalàna ho an' ireo Levita, ny hiran' i Mosesy sy ny tsodrano farany ary ny fandehanan' i Mosesy.

DESERETA. *Jereo koa* Jarèdita

Teny Jarèdita ka "renitantely" no heviny ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (Etera 2:3)

DEVOLY. *Jereo koa* Antikristy; Fanahy—Fanahy ratsy; Helo; Losifera; Mpandringana; Zanaky ny Fahaverezana

Satana. Ny devoly dia fahavalon' ny fahamarinana sy fahavalon' ireo izay mikatsaka ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra. Ara-bakiteny dia zanak' Andriamanitra ara-panahy izy ary anjely nanana fahefana taloha teo anatrehan' Andriamanitra (Isa. 14:12; 2 Ne. 2:17). Nikomy anefa izy tany amin' ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany sady naharesy lahatra ny ampahatelon' ny zanaky ny Ray arapanahy hiara-hikomy aminy (F&F 29:36; Mos. 4:1–4; Abr. 3:27–28). Nazerava avy tany an-danitra izy ireo sady nolavina ny mety hahazoany vatana mety maty sy ny handiavany fiainana mety maty, fa voaheloka mandrakizay kosa izy ireo. Hatramin' ny fotoana nanjerana ny devoly avy tany andanitra, dia efa nokatsahiny lalandava ny hamitaka ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra ary ny hitarika azy ireo hiala amin' ny asan' Andriamanitra, mba hahatonga ny olon-drehetra ho fadiranovana tahaka azy (Fan. 12:9; 2 Ne. 2:27; 9:8–9).

Nandevilevy ny devoly i Jesoa,

Mat. 17:18. Voaomana ho an' ny devoly sy ny anjelin' ny afo maharitra mandrakizay, **Mat.** 25:41. Manohera ny devoly dia handositra anareo izy, **Jak.** 4:7. Ny olon-dratsy dia havarina any amin' ny fambaboan' ny devoly, **1 Ne.** 14:7. Rain' ny lainga rehetra ny devoly, **2 Ne.** 2:18 (Mos. 4:4). Katsahin' ny devoly ny hahatonga ny olon-drehetra ho fadiranovana tahaka azy, **2 Ne.** 2:27. Raha tsy hitsangana intsony ny nofo, ny fanahintsika dia tsy maintsy ho lasa mpanompon' ny devoly, **2 Ne.** 9:8-9. Ny devoly dia ho romotra, hampitony ary hanasohaso, **2 Ne.** 28:20-23. Izay ratsy dia avy amin' ny devoly, **Ômn.** 1:25 (Almà 5:40; Môrô. 7:12, 17). Mitandrema fandrao hitranga eo anivonareo ny fifandirana ka hankatò ny fanahy ratsy ianareo, **Môsîà** 2:32. Raha tsy ondrin' ilay mpiandry ondry tsara ianareo, dia ny devoly no mpiandry anareo, **Almà** 5:38-39. Tsy hanohana ny zanany ny devoly, **Almà** 30:60. Mivavaha lalandava mba tsy hahazoana mitarika anareo haniaisia ny amin' ny fakam-panahy avy amin' ny devoly, **Almà** 34:39 (3 Ne. 18:15, 18). Aoreno eo amin' ny Mpanavotra ny fototrareo mba tsy hanan-kery aminareo ny tafiotra maherin' ny devoly, **Hel.** 5:12. Ny devoly no fototry ny ota rehetra, **Hel.** 6:26-31. Nikatsaka ny hamolavola tetika feno hafetsena ny devoly, **F&F** 10:12. Tsy maintsy ilaina ny hakan' ny devoly fanahy ny zanak' olombelona fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hanan-tsafidy izy ireo, **F&F** 29:39. Nanjary nanao ny sitrapon' ny devoly i Adama, satria nilefitra tamin' ny fakam-panahy izy, **F&F** 29:40. Ireo zanaky ny fahaverezana dia hanjaka mandrakizay miaraka amin' ny devoly sy ny anjelin' **F&F** 76:33, 44. Hafatotra mandritra ny arivo taona ny devoly, **F&F** 88:110 (Fan. 20:2). Manaisotra ny hazavana sy ny fahamarinana ilay ratsy, **F&F** 93:39. Tsy nitana ny toetra voalohany i Satana, **Abr.** 3:28.

Ny fiangonan' ny devoly: Rehefa mety ho fikambanana eto an-tany ka mamohatra sy araka ny fomban' izao tonto-

lo izao, manimba ny filazantsara madio sady fanaperana ary miady amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

Naorin' ny devoly ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko, **1 Ne.** 13:6 (1 Ne. 14:9). Tsy misy afa-tsy fiangonana roa, ny iray an' ny Zanakondrin' Andriamanitra ary ny iray an' ny devoly, **1 Ne.** 14:10 (Almà 5:39). Aza manohitra fiangonana afa-tsy ny fiangonan' ny devoly, **F&F** 18:20. Ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko dia harodana, **F&F** 29:21.

DIAKONA. *Jereo koa* Fisoronana Aharôna

Antso iray amin' ny asa fanompoana tao am-piangonana tamin' ny fotoan' i Paoly Apostoly (Filip. 1:1; 1 Tim. 3:8-13) ary anjara fanompoana ao amin' ny Fisoronana Aharôna (**F&F** 20:38, 57-59; 84:30, 111; 107:85).

DIDIN' ANDRIAMANITRA. *Jereo koa* Didy Folo, Ny; Fahotana; Tenin' Andriamanitra; Lalàna; Mankatò

Ireo lalàna sy zava-takiana apetrak' Andriamanitra amin' ny olombelona, na ny tsirairay izany na ny daholobe. Ny fitandremana ireo didy dia hitondra ny fitahian' ny Tompo ho eo amin' ilay mpankatò (**F&F** 130:21).

Noa dia nanao araka izay rehetra nandidian' Andriamanitra azy, **Gen.** 6:22. Manaraka ny lalàko sy mitandrina ny didiko, **Lev.** 26:3. Tandremo ny didiko dia ho velona, **Ohab.** 4:4 (Ohab. 7:2). Raha tia Ahy ianareo dia hitandrina ny didiko, **Jao.** 14:15 (**F&F** 42:29). Na inona na inona angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny isika, **1 Jn.** 3:22. Tsy mavesatra ny didiny, **1 Jn.** 5:3. Aoka tsy hiova amin' ny fitandremana ny didy, **1 Ne.** 2:10. Tsy manome didy ny Tompo raha tsy omaniny ny lalana, **1 Ne.** 3:7. Tsy maintsy manao araka ny didy henjana avy amin' Andriamanitra aho, **Jkb.** 2:10. Arakaraka ny hitandremanareo ny didiko no hiroboroboanareo eo

amin' ny tany, **Jar.** 1:9 (**Almà** 9:13; 50:20). Mianara ny hitandrina ny didin' Andriamanitra amin' ny fahatanoranao, **Almà** 37:35. Avy amiko ireto didy ireto, **F&F** 1:24. Diniho ireto didy ireto, **F&F** 1:37. Ireo izay tsy mitandrina ny didy dia tsy azo vonjena, **F&F** 18:46 (**F&F** 25:15; 56:2). Ny didiko dia ara-panahy, fa tsy araka ny toe-tena na ny vatana, **F&F** 29:35. Omena ny didy mba hahatakarantsika ny sitrapon' ny Tompo, **F&F** 82:8. Tsy misy fantatro afa-tsy ny hoe ny Tompo no nandidy ahy, **Mos.** 5:6. Hizaha toetra ny olona ny Tompo mba hahitana raha hanao izay nandidiany izy ireo, **Abr.** 3:25.

DIDY FOLO, NY. *Jereo koa Didin'* Andriamanitra; Mosesy

Lalàna folo nomen' Andriamanitra tamin' ny alalan' i Mosesy mpaminany mba hifehezana ny fitondrantena.

Nomena ny anarana Hebreo hoe ny "Teny Folo" izany. Nantsoina koa hoe ny Fanekena (**Deot.** 9:9) na ny vavolombelona izany (**Eks.** 25:21; 32:15). Ny fanomezan' Andriamanitra ny Didy Folo an' i Mosesy ary an' i Isiraely tamin' ny alalany dia voatantara ao amin' ny **Eks.** 19:9–20:23; 32:15–19; 34:1. Ireo didy dia vita sokitra teo amin' ny vato fisaka roa izay napetraka tao amin' ny Fiara; koa izany no niantsoana ny Fiara hoe ny Fiaran' ny Fanekena (**Nom.** 10:33). Ny Tompo raha nitanisa ny **Deot.** 6:4–5 sy ny **Lev.** 19:18 dia namintina ny Didy Folo ho "didy roa lehibe" (**Mat.** 22:37–39).

Naverimberina ao amin' ny fanambaran' ny Andro Farany ny Didy Folo (**Môsià** 12:32–37; 13:12–24; **F&F** 42:18–28; 59:5–13; **DJS,** **Eks.** 34:1–2).

DIKANTENIN' I JOSEPH SMITH (**DJS**). *Jereo koa* Smith, Joseph, zanany

Famerenana na fandikana indray ny Baiboly King James Version ho amin' ny teny anglisy, izay natombok' i Joseph Smith Mpaminany tamin' ny volana Jona 1830. Nodidian' Andria-

manitra izy hanao ny dikantenany ary nihevitra izany ho ampahany amin' ny antso maha-mpaminany azy.

Na vitan' i Joseph aza ny ankabeazan' ny dikantenany tamin' ny volana Jolay 1833, dia notohizany mandrapahafatiny tamin' ny taona 1844 ny fanaovana fanitsiana teo am-panomana ny asa soratra ho an' ny famoahana ho boky. Na navoakany ho boky aza ny sasantsasany tamin' ny dikanteniny fony fahavelony, dia azo heverina ny ho nanaovany fanampimpanitsiana ny asa iray manontolo raha velona teo izy ka namoahana izany ho boky. Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany indray no namoaka ny fanontana voalohany ny dikantenin' i Joseph Smith izay araka ny fitaoman' ny fanahy ny taona 1867. Hatramin' izay fotoana izay, dia fanontana maro no efa nataony.

Nianatra zavatra maro ny mpaminany nandritra ny fandikan-teny. Fizarana maro ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana no voaray noho ny asa fandikany teny (Ohatra: **F&F** 76, 77, 91 ary 132). Nomen' ny Tompo koa an' i Joseph ireo toromarika manokana momba ny fandikan-teny, izay voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana (**F&F** 37:1; 45:60–61; 76:15–18; 90:13; 91; 94:10; 104:58; 124:89). Ny bokin' i Mosesy sy ny Joseph Smith—Matio, tafiditra ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ankehitriny, dia nalaina mivantana tao amin' ny Dikantenin' i Joseph Smith.

Ny Dikantenin' i Joseph Smith dia namerina indray ny sasany tamin' ireo zavatra tsotra sy sarobidy izay efa very tao amin' ny Baiboly (1 **Ne.** 13). Na tsy Baiboly ofisialin' ny Fiangonana aza izany, ity dikanteniny ity dia manome fanazavana mahaliana maro ary tena mahaso amin' ny fahatakarana ny Baiboly. Izany koa dia vavolombelona ny maha-avy amin' Andriamanitra ny antso sy ny asa fanompoan' i Joseph Smith Mpaminany.

DILOILO. *Jereo koa* Fitsofan-drano ny Marary; Hazo oliva; Manosotra

Ny diloilo oliva matetika no tiana hambara rehefa miresaka diloilo ny Soratra Masina. Hatramin' ny andron' ny Testamenta Taloha, dia nampiasaina ny diloilo oliva ho an' ny fomba-fomba ao amin' ny tempoly sy ny tabernakely, ny fanosorana, ny fandrehetana fanala ary ny hanina. Mariky ny fahadiovana sy ny Fanahy Masina mbamin' ny fanentanany ny diloilo oliva indraindray (1 Sam. 10:1, 6; 16:13; Isa. 61:1–3).

Hotentanany ny mpisorona amin' ny diloilo ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanana, **Lev.** 14:28–29. Ny Tompo naniraka ahy hanosotra anao ho mpanjakan' ity vahoaka ity, **1 Sam.** 15:1. Tsy nety ritra ny diloilo tao amin' ny tavoaran' ilay mananontena, **1 Mpan.** 17:10–16. Manosotra diloilo ny lohako ny Tompo, **Sal.** 23:5. Nohosorany diloilo ny marary maro, **Mar.** 6:13. Aoka ny loholona hivavaka ary hanosotra diloilo azy, **Jak.** 5:13–15. Manàna ny fanalanareo voakarakara sy mirehitra ary solika miaraka aminareo, **F&F** 33:17 (Mat. 25:1–13).

DRAFITRY NY FAMONJENA.

Jereo Drafitry ny Fanavotana

DRAFITRY NY FANAVOTANA.

Jereo koa Fahalavoan' i Adama sy i Eva; Famonjena; Filazantsara; Jesoa Kristy; Sorompanavotana

Ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay natao hitondrana tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay ho an' ny olona. Ao anatiny ny fahariana, ny fahalavoana ary ny sorompanavotana miaraka amin' ireo lalàna sy ôrdônansy ary fotopampianarana rehetra nomen' Andriamanitra. Izany drafitra izany no ahafahan' ny olona rehetra ho tafasandratra sy hiaina mandrakizay miaraka amin' Andriamanitra (2 Ne. 2, 9). Ny Soratra Masina dia miantso izany drafitra izany koa ho ny drafitry ny famonjena, ny drafitry

ny fahasambaran' ary ny drafitry ny famindram-po.

Noratraina noho ny fandikantsika lalàna Izy, **Isa.** 53:5 (Môsià 14:5). Fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoany famonjena, **Asa** 4:12. Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao amin' i Adama no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao amin' i Kristy, **1 Kor.** 15:22. Noho ny fahasoavana no amonjena antsika, amin' ny alalan' ny finoana, **Ef.** 2:8 (2 Ne. 25:23). Nampanantena fiainana mandrakizay Andriamanitra talohan' ny nanombohan' izao tontolo izao, **Tito.** 1:2. Loharanon' ny famonjena mandrakizay i Jesoa, **Heb.** 5:8–9. Mahafaoka ny maty ny drafitry ny fanavotana, **1 Pet.** 3:18–20; 4:6 (F&F 138). Ny fahafatesana dia manatanteraka ny drafitra feno famindram-pon' Ilay Mpahary lehibe, **2 Ne.** 9:6. Endrey ny halehiben' ny drafitry ny Andriamanitsika! **2 Ne.** 9:13. Ny drafitry ny fanavotana no manatantetraka ny fitsanganana amin' ny maty ary ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana, **Almà** 12:25–34. Nampianatra ny rain' i Lamônia ny drafitry ny fanavotana i Aharôna, **Almà** 22:12–14. Nanazava ny drafitry ny fanavotana i Amioleka, **Almà** 34:8–16. Nanazava ny drafitry ny fanavotana i Almà, **Almà** 42:5–26, 31. Hamafisina amin' ny fanambarana ankehitriny ny fotopampianaran' ny fahariana, ny fahalavoana, ny sorompanavotana, ary ny batisa, **F&F** 20:17–29. Natokana talohan' ny nisian' izao tontolo izao ny drafitra, **F&F** 128:22. Ny asako sy voninahitro dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39. Izany no drafitry ny famonjena ho an' ny olon-drehetra, **Mos.** 6:52–62. Hosedraintsika amin' izany izy ireo, **Abr.** 3:22–26.

EDENA. *Jereo koa* Adama; Eva

Ny fonenan' i Adama sy i Eva, ireo ray aman-drenintsika voalohany (Gen. 2:8–3:24; 4:16; 2 Ne. 2:19–25; Mos. 3, 4; Abr. 5), voalaza ho saha iray ao Edena izay miantsinanana. Noroahina hiala an' i

Edena i Adama sy i Eva rehefa nihina-na tamin' ny voankazo voarara ary nanjary mety maty (Mos. 4:29). Ny fanambaran' ny Andro Farany dia manamafy ny fitantaran' ny Baiboly ny amin' ny Sahan' i Edena. Ampian' izany ny filazana lehibe fa ny saha dia niorina teo amin' izay atao ankehitriny hoe Kaontinanta Amerikana Avaratra (F&F 116; 117:8)

EFESIANA, EPISTILY HO AN' NY.

Jereo koa Epistilin' i Paoly;
Paoly

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, taratasy nosoratan' i Paoly Apostoly ho an' ny Olomasina tao Efesosy. Manandanja lehibe ilay epistily, satria mirakitra ny fampianaran' i Paoly momba ny Fiangonan' i Kristy izany.

Toko 1: mirakitra ny fiarahabana mahazatra. Toko 2-3: manazava ny fiovana izay mitranga amin' ny olona rehefa tonga mpikambana ao amin' ny Fiangonana izy,—manjary mpiray faritany amin' ny Olomasina izy ireo ka ny Jentilisa sy ny Jiosy dia tafatambatra ao amin' ny Fiangonana iray. Toko 4-6: manazava ny andraikitra ny Apostoly sy ny mpaminany, ny ilana firaisankina, ny tokony hitafiana ny fiadiana rehetra avy amin' Andriamanitra.

EFITRA MASINA INDRINDRA.

Jereo koa Tabernakely; Tempoly,
Tranon' ny Tompo

Ny Efitra Masina Indrindra tao amin' ny tabernakelin' i Mosesy, ary ao amin' ny tempoly atỳ aoriana. Natao koa hoe ny “fitoerana masina indrindra” izany (Eks. 26:33-34)

EFRAIMA. *Jereo koa* Bokin' i

Môrmôna; Isiraely; Jôsefa,
Zanakalahin' i Jakoba; Manase

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny zanakalahy faharoan' i Josefa sy i Asenata (Gen. 41:50-52; 46:20). Mifanohitra amin' ny fanao mahazatra no nitranga fa i Efraima no nandray ny fizokiana teo amin' ny toeran' i Manase izay

zokiny (Gen. 48:17-20). Tonga rain' ny fokom-pirenen' i Efraima i Efraima.

Ny fokom-pirenen' i Efraima: Nomena an' i Efraima ny fizokiana tao amin' i Isiraely (1 Tan. 5:1-2; Jer. 31:9). Ny zony sy ny andraikiny amin' ny andro farany dia ny mitondra ny fisoronana, ny mitondra ny hafatry ny filazantsara naverina ho amin' ny laoniny ho eo amin' izao tontolo izao, ary ny manangana faneva ka manangona ny Isiraely niely patrana (Isa. 11:12-13; 2 Ne. 21:12-13). Hampisatroka voninahitra an' ireo izay avy amin' ireo tany avaratra ka miverina amin' ny andro farany ny zanak' i Efraima (F&F 133:26-34).

Ny tapa-kazon' i Efraima na Josefa: Rakitsoratra ny andian' olona iray avy amin' ny fokom-pirenen' i Efraima, izay notarihina hiala an' i Jerosalema hankany Amerika sahabo ho 600 talohan' i j.k. Ny Rakitsoratr' ity andian' olona ity no atao hoe tapa-kazon' i Efraima na Josefa na ny Bokin' i Môrmôna. Izany sy ny tapa-kazon' i Joda (Baiboly) no mirafitra ho tenivavolombelona mitambatra momba an' i Jesoa Kristy Tompo, ny fitsanganany tamin' ny maty ary ny asa avy amin' Andriamanitra nataony teo anivon' ireo ampahany roa amin' ny mpianakavin' i Isiraely ireo.

Hotapahina hiala ny sampana iray amin' i Efraima ary hanoratra testamanta iray hafa momba an' i Kristy izy, **DJS**, Gen. 50:24-26, 30-31. Ny tapa-kazon' i Joda sy ny tapa-kazon' i Josefa dia hanjary ho iray ihany, **Ezek.** 37:15-19. Hiara-hitombo ny asa soratr' i Joda sy ny an' i Josefa, **2 Ne.** 3:12. Miteny amin' ny firenena maro ny Tompo, **2 Ne.** 29. Natolotra an' i Môrmôna ireo fanalahidin' ny tapa-kazon' i Efraima, **F&F** 27:5.

EGYPTA

Firenena ao amin' ny zorony avaratra atsinanan' i Afrika. Ny ampahany lehibe amin' i Egipta dia tany karakaina sy ngazana. Ny ankamaroan' ny mpoina dia monina eo amin' ny lohasaha Neily izay mahatratra 890 kilaometatra ny lavany.

Egypta fahizay dia nanan-karena sy niroborobo. Natsangana ireo asa venty, ka ao anatin' izany ny tatatra fitarihan-drano; ny tanàna mimanda fiarovana; ny trano kanton' ny mpanjaka, indrindra fa ireo fasana piramida sy tempoly izay mbola tafajanona ho anisan' ireo zavakanton' izao tontolo izao. Nisy fotoana nakan' ny governemanta Egyptiana tahaka ny lamin' ny patriarika amin' ny fisoronana (Abr. 1:21–27).

Notarihina ho any Egypta i Abrahama sy i Josefa mba hamonjena ny ankohonany amin' ny mosary, **Gen.** 12:10 (Gen. 37:28). Namidy tany Egypta i Josefa, **Gen.** 45:4–5 (1 Ne. 5:14–15). Notarihina ho any Egypta i Jakoba, **Gen.** 46:1–7. Notarihin' i Mosesy hivoaka an' i Egypta ny zanak' i Isiraely, **Eks.** 3:7–10; 13:14 (Heb. 11:27; 1 Ne. 17:40; Mos. 1:25–26). Tandindon' ny ratsy i Egypta, **Ezek.** 29:14–15 (Hosea 9:3–7; Abr. 1:6, 8, 11–12, 23). Notenenin' ny anjely iray i Josefa handositra any Egypta miaraka amin' i Maria sy i Jesoa, **Mat.** 2:13 (Hosea 11:1).

EGYPTOSA

Sady anaran' ny vadiny no anaran' ny iray amin' ny zanakavavin' i Hama, ilay zanakalahin' i Noa. Ny hevitra ny teny amin' ny Kaldeana dia Egypta na izay voarara (Abr. 1:23–25).

EKSODOSY. *Jereo koa* Pentateoka

Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nosoratan' i Mosesy ka milazalaza ny fialan' ny Isiraelita tany Egypta. Ny fiandohan' ny tantaran' ny Isiraely araka izay voasoratra ao amin' ny Eksodosy dia azo zaraina telo: (1) ny fanandevozana ny vahoaka tany Egypta, (2) ny fialany tany Egypta notarihin' i Mosesy ary (3) ny fanoloran-tenany ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra eo amin' ny fiainana ny fivavahana sy ny fiainana ny fitondram-panjakana.

Ny ampahany voalohany, toko 1–15, dia manazava ny fangejana ny Isiraely tany Egypta; ny fiandohan' ny tantara

sy ny fiantsoana an' i Mosesy; ny Fifindramonina sy ny fandraiketana ny Paska; ary ny fandehanana nanka amin' ny Ranomasina Mena, ny famongorana ny miaramilan' i Faraô ary ny hiram-pandresen' i Mosesy.

Ny ampahany faharoa, toko 15–18, dia milaza ny amin' ny fanavotana ny Isiraely ary ireo zava-nitranga nandritra ny dia izay niala avy teo amin' ny Ranomasina Mena nankany Sinay; ny rano mangidy tao Mara; ny nanomezana papelika sy mana; ny fanajana ny Sabata; ny fanomezana mahagaga ny rano tao Refidima mbamin' ny ady tamin' ny Amalekita; ny nahatongavan' i Jetro teo amin' ny toby sy ny toroheviny ny amin' ny fitantanana ny raharaham-pirenena.

Ny ampahany fahatelo, toko 19–40, dia mamelabelatra ny amin' ny fanokanan-tenan' ny Isiraely ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra nandritra ireo fotoan-dehibe teo Sinay. Nanokana ny vahoaka ho fanjakam-pisorona sy ho firenena masina ny Tompo. Nomeny ny Didy Folo; nomeny koa ny toromarika momba ny taberinakely, ny fanaka sy ny fiderana ao anatin' y. Manaraka izany ny fitantarana ny amin' ny fahotan' ny vahoaka raha nidera ny ombilahikely volamena izy ireo, ary farany dia ny fitantarana ny amin' ny fananganana ny taberinakely mbamin' ny zavatra izay ilaina amin' ny raharaham-panompoana ao anatin' y.

ELIA. *Jereo koa* Elià; Famehezana; Famonjena

Mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha izay niverina indray tamin' ny andro farany mba hanolotra an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ireo fanalahidin' ny fahefana mamehy. Nanompo tao amin' ny fanjakan' i Isiraely Avaratra i Elia tamin' ny androny (1 Mpan. 17–2 Mpan. 2). Nanam-pinoana lehibe ny Tompo izy ary fantatra noho ireo fahagagana maro. Nisakana ny orana tsy hilatsaka nandritra ny telo taona sy tapany izy. Nanangana zazalahy iray tamin' ny maty izy ary niantso

mba hilatsahan' ny afo avy any an-danitra (1 Mpan. 17-18). Mbola miandry an' i Elia hiverina araka ny faminanian' i Malakia ny vahoaka Jiosy (Mal. 3:23). Mitoetra ho vahiny nasaina i Elia amin' ny fetin' ny paska Jiosy, izay amohana ny varavarana sy anokanana seza iray ho azy mandrakariva.

Nilaza i Joseph Smith Mpaminany fa i Elia no nihazona ny fahefana mamehy an' ny Fisoronana Melkizedeka ary mpaminany farany nanao izany talohan' ny fotoanan' i Jesoa Kristy. Niara-niseho tamin' i Mosesy teo an-Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy izy ary nanolotra an' i Petera, i Jakoba ary i Jaona ireo fanalahidin' ny fisoronana (Mat. 17:3). Niara-niseho indray tamin' i Mosesy sy ireo hafa tao amin' ny tempolin' i Kirtland, Ohio, izy ny 3 Aprily 1836 ka nanolotra an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ireo fanalahidy ireo ihany (F&F 110:13-16). Izany rehetra izany dia natao ho fanomanana ny fiavian' ny Tompo fanindroany araka ny voalaza ao amin' ny Malakia 3:23-24.

Ny fahefan' i Elia dia ny fahefana mamehy an' ny fisoronana ka ny zavatra izay feheziny na vahany etỳ an-tany dia fehezina na vahana any an-danitra (F&F 128:8-18). Ireo mpanompo nofinidin' ny Tompo etỳ an-tany ankehitriny no manana ity fahefana mamehy ity ka manatanteraka ireo ôrdônansy mahavonjy an' ny filazantsara ho an' ny velona sy ny maty (F&F 128:8).

Nifehy ny lanitra sy novelomin' ny goaika, **1 Mpan.** 17:1-7. Nandidy mba tsy ho lany ny koba ao amin' ny bari-kan' ilay mananontena ary tsy ho ritra ny diloilo ao amin' ny tavoara, **1 Mpan.** 17:8-16. Nanangana ny zanak' ilay mananontena tamin' ny maty, **1 Mpan.** 17:17-24. Nandresy ireo mpisoron' i Bala, **1 Mpan.** 18:21-39. Niteny taminy ilay feo malefaka sady tony, **1 Mpan.** 19:11-12. Niakatra ho any an-danitra tamin' ny kalesy afo, **2 Mpan.** 2:11. Naminany ny amin' ny hiverena-ny amin' ny Andro Farany i Malakia, **Mal.** 3:23-24 (3 Ne. 25:5). Niseho tao

amin' ny tempolin' i Kirtland, Ohio, tamin' ny taona 1836, **F&F** 110:13-16.

ELIÀ. *Jereo koa Elia*

Maro ny fampiasana ny anaran-tsami-rery na ny anarana hoe *Elià* ao amin' ny soratra masina.

Elià: Elià ao amin' ny Testamenta Vaovao (Grika) endriky ny Elia (Hebreo) toy ny hita ao amin' ny Mat. 17:3-4, Lio. 4:25-26, ary Jak. 5:17. Amin' ireo lafiny ireo Elià dia Elia ilay Mpaminany fahiny izay voarakitra ao amin' ny Mpanjaka 1 sy 2 ny asa fanompoany.

Mpialoha lalana: Elià koa dia anaran' izay mpialoha lalana. Jaona Mpanao Batisa, ohatra, dia Elià satria nirahina izy hanomana ny lalana ho an' i Jesoa (Mat. 17:12-13).

Mpamerina ho amin' ny laoniny: Ny anarana hoe Elià dia nampitondraina koa an' ireo hafa izay nanana asa anirahana manokana mba hoefaina, toa an' i Jaona Mpanambara (F&F 77:14) sy i Gabriela (Lio. 1:11-20; F&F 27:6-7; 110:12).

Lehilahy iray tamin' ny fotoampitantanan' i Abraham: Mpaminany iray natao hoe Esaià na Elià, izay heverina ho niaina tamin' ny andron' i Abraham (F&F 84:11-13; 110:12).

ELISA

Mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha, avy amin' ny Fanjakan' i Isiraely Avaratra ary mpanolotsaina nitokian' ny maro tamin' ireo mpanjakan' ny firenena.

Elisa dia malemy fanahy sy be fitiavana, tsy nanana an' ilay risi-po mivaivay izay nampiavaka an' i Elia tompony izy. Ny fahagagana mison-gadina nataony (2 Mpan. 2-5; 8) dia vavolombelona fa nandray marina tokoa ny fahefan' i Elia izy rehefa nandimby azy ho mpaminany (2 Mpan. 2:9-12). Fa izy, ohatra, dia nanasitrana ny loharano tamin' ny ngidiny, nampisaraka roa ny Renirano Jordana, nampitombo ny diloilon' ilay mananontena,

nanangana zazalahy tamin' ny maty, nanasitrana lehilahy iray tamin' ny habokana, nampitsikafona lelam-pamaky, nampanjambena ny Siriana (2 Mpan. 2-6). Naharitra dimampolo taona mahery ny asa fanompoany, nandritra ny nanjakan' i Jehorama, i Jeho, i Joahaza ary i Joasy.

Nandray ny kapaotin' i Elia, **2 Mpan.** 2:13. Nampitombo ny diloilon' ilay mananontena, **2 Mpan.** 4:1-7. Nanangana ny zanakalahin' ilay vehivavy Sone-mita tamin' ny maty, **2 Mpan.** 4:18-37. Nanasitrana an' i Namàna ilay Siriana, **2 Mpan.** 5:1-14. Nampanjambena an' ireo miaramila Siriana, fa nampahira-tro kosa ny mason' ny mpanompony, **2 Mpan.** 6:8-23.

ELIZABETA. *Jereo koa* Jaona
Mpanao Batisa

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, vadin' i Zakaria, renin' i Jaona Mpanao Batisa ary havan' i Maria (Lio. 1:5-60).

ELOHIMA. *Jereo* Andriamanitra;
Ray any an-danitra

ELY. *Jereo koa* Samoela, Mpaminany
ao amin' ny Testamenta Taloha

Mpisorona avo sady mpitsara ao amin' ny Testamenta Taloha fony ny Tompo niantso an' i Samoela ho mpaminany (1 Sam. 3). Nandevilevy azy ny Tompo noho ny nandeferany tamin' ny faharatsian' ny zanakalahiny (1 Sam. 2:22-36; 3:13).

EMANOELA. *Jereo* Imanoela

ENOKA. *Jereo koa* Ziona

Mpaminany izay nitondra ny vahoakan' ny tanànan' i Ziona. Sady ambara ao amin' ny Testamenta Taloha no ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ny asa fanompoany. Izy no Patriarika fahafito taorian' i Adama. Zanakalahin' i Jarèda izy ary rain' i Metosela (Gen. 5:18-24; Lio. 3:37).

Lehilahy malaza i Enoka ary manan-

danja lehibe lavitra noho ny fitantarana fohy omen' ny Baiboly ny asa fanompoany. Marihin' ny Baiboly fa novana izy (Heb. 11:5) saingy tsy omeny kosa ny antsipiriany momba ny asa fanompoany. Mirakitra teny nindramina momba ny faminiana nataony ny Joda 1:14. Ny fanambaran' ny andro farany dia manazava bebe kokoa ny momba an' i Enoka, indrindra fa ny momba ny fitoriany, ny tanànan' atao hoe Ziona, ny fahitana azony ary ny faminiany (F&F 107:48-57; Mos. 6-7). Nalaina ho any an-danitra i Ziona noho ny fahamarinan' ireo izay nonina tao (Mos. 7:69).

Naneho ny tenany tamin' i Enoka Andriamanitra, **Mos.** 6:26-37. Nampianatra ny filazantsara i Enoka, **Mos.** 6:37-68. Nampianatra ny olona i Enoka ary nanangana an' i Ziona, **Mos.** 7:1-21. Ny hoavy hatrany amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany dia hitan' i Enoka, **Mos.** 7:23-68.

ENÔSA, ZANAKALAHIN' I JAKÔBA

Mpaminany Nefita iray mpitahiry rakitsoratra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nivavaka ka nahazo ny famelana ny fahotany noho ny finoany an' i Kristy (Enô. 1:1-8). Nifanaiky tamin' i Enôsa ny Tompo fa hoentina ho any amin' ny Lamanita ny Bokin' i Môrmôna (Enô. 1:15-17).

Ny bokin' i Enôsa: Boky iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay milaza ny amin' ny vavak' i Enôsa tamin' ny Tompo, ho famelana ny helony, ho an' ny olony ary ho an' ny hafa. Nampanantena azy ny Tompo fa hotsimbinina ny Bokin' i Môrmôna ary hovanonina ho an' ny Lamanita izany indray andro any. Na tsy mirakitra afa-tsy toko iray aza ny boky, dia mirakitra ny tantara mahaliana ny olona iray izany, izay nikatsaka an' Andriamaniny tamin' ny vavaka, nankatò ny didin' Andriamanitra tamin' ny fiainany, ary nifaly talohan' ny fahafatesany noho ny fahalalana ny Mpanavotra.

EPISTILIN' I PAOLY. *Jereo koa Ny lohatenin' ireo epistily tsirairay; Paoly*

Boky efatra ambin' ny folo ao amin' ny Testamenta Vaovao, izay taratasy nosoratan' i Paoly Apostoly ho an' ny mpikamban' ny Fiangonana tamin' ny voalohany. Azo zaraina andiany toy izao manaraka izao izany:

Tesaloniana 1 sy 2 (50–51 taorian' i j.k.)

Nanoratra avy any Korinto ny Epistily ho an' ny Tesaloniana i Paoly nandritra ny diany faharoa fitoriana filazantsara. Voatantara ao amin' ny Asan' ny Apostoly 17 ny asany tany Tesalonika. Naniry ny hiverina tany Tesalonika izy saingy tsy afaka nanao izany (1 Tes. 2:18). Koa naniraka an' i Timoty izy hanatanjaka ireo niova fo sy hanao tatitra ny aminy momba azy ireo. Ny Epistily voalohany dia vokatry ny fankasitrahany tamin' ny fiverenan' i Timoty. Nosoratana fotoana fohy taorian' izany ny Epistily faharoa.

Korintiana 1 sy 2, Galatiana, Romana (55–57 taorian' i j.k.)

Nanoratra ny epistily ho an' ny Korintiana i Paoly nandritra ny diany fahatelo fitoriana filazantsara mba hamaliana ireo fanontaniana sy hanitsiana ny korontana teo anivon' ireo Olomasina tany Korinto.

Ny epistily ho an' ny Galatiana dia mety ho nosoratana ho an' ireo sampama maron' ny Fiangonana manerana an' i Galatia. Namela ny filazantsara ho an' ny lalàn' ny Jiosy ny mpikamban' ny Fiangonana sasany. Hazavain' i Paoly ao amin' io taratasy io ny tanjon' ny lalàn' i Mosesy sy ny lanjan' ny fivavahana araka ny fanahy.

Nosoratan' i Paoly avy any Korinto ny epistily ho an' ny Romana mba hanomanana amin' ny ampahan' ny Olomasina Romana amin' ny famangiana kasainy hatao azy ireo. Manamafy ireo fotopampianarana izay nolavin' ny Jiosy sasany efa niova fo ho Kristiana koa io taratasy io.

Filipiana, Kolosiana, Efesiana, Filemona, Hebreo (60–62 taorian' i j.k.)

Nanoratra ireo epistily ireo i Paoly fony izy nigadra voalohany tany Roma.

Nanoratra ny epistily ho an' ny Filipiana i Paoly mba hanehoana indrindra ny fankasitrahany sy ny fitiavany ireo Olomasina Filipiana sy hankaherezana azy ireo amin' ny alahelony noho ny figadrany maharitra.

Nanoratra ny epistily ho an' ny Kolosiana i Paoly noho ny tatitra milaza ny fahalavaon' ireo Olomasina Kolosiana tao amin' ny fahadisoan-kevitra lehibe. Nino izy ireo fa ny fahatanterahana dia tonga amin' ny alalan' ny fanarahana tsy misy tomika ireo ôrdônansy ivelany fotsiny ihany fa tsy ny fiezahana hanana toetra araka an' i Kristy.

Ny epistily ho an' ny Efesiana dia manan-danja lehibe noho izy mirakitra ny fampianaran' i Paoly momba ny Fiangonan' i Kristy.

Ny epistily ho an' i Filemona dia taratasy manokana momba an' i Onesimosy, andevo izay nandroba an' i Filemona tompony ary nandositra tany Roma. Naverin' i Paoly nankany amin' ny tompony i Onesimosy, niaraka tamin' ny taratasy mangataka ny hamelàna an' i Onesimosy.

Nanoratra ny epistily ho an' ny Hebreo tamin' ireo Jiosy mpikamban' ny Fiangonana i Paoly mba handresy lahatra azy fa efa tanteraka tao amin' i Kristy ny lalàn' i Mosesy ary efa nisolo izany ny lalàn' ny filazantsaran' i Kristy.

Timoty 1 sy 2, Titosy (64–65 taorian' i j.k.)

Nanoratra ireo epistily ireo i Paoly taorian' ny nivoahany voalohany tao amin' ny fonjan' i Roma.

Nankany Efesosy i Paoly ka namela an' i Timoty tao hampitsahatra ny fielezan' ny karazana faminavinana, ary nikasa ny hiverina izy avy eo. Nanoratra ny epistiliny voalohany ho an' i Timoty izy, angamba avy any Makedonia, mba hanoroan-kevitra sy hampahelezana azy amin' ny fanatanterahana ny adidiny.

Nanoratra ny epistily ho an' i Titosy i Paoly nandritra ny fotoana tsy niga-drany. Mety ho namangy an' i Kreta izay toerana nanompoan' i Titosy izy. Mikasika indrindra ny fiainana amim-pahamarinana sy ny fitsipi-pifehezana ao amin' ny Fiangonana io taratasy io.

Nanoratra ny epistiliny faharoa ho an' i Timoty i Paoly fony izy voafonja fanindroany, tsy ela talohan' ny namo-noana an' i Paoly ho maritiora. Mirakitra ny teny farany nataon' i Paoly izany epistily izany ary maneho ny herim-po sy fahatokiana mahagaga nentiny niatrika ny fahafatesana.

ERITRERITRA. *Jereo koa*

Misaintsaina; Safidy

Hevitra, fisaintsainana ary sary ao antsain' ny olona iray. Ny fahafahana mieritreritra dia fanomezana avy amin' Andriamanitra, ary mifidy malalaka ny fomba ampiasantsika izany fahafahana mieritreritra izany isika. Misy fiantraikany lehibe amin' ny fihetsika sy ny ataontsika, ary koa amin' ny ho toerantsika aorian' izao fiainana izao, ny fomba fisainantsika. Ny eritreritra marina dia mitondra amin' ny famonjena, ny eritreritra ratsy kosa mitondra amin' ny fahamelohana.

Ny Tompo dia mahafantatra ny fieritretana rehetra, **1 Tan.** 28:9. Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany ny toetrany, **Ohab.** 23:7. Ny fihevitro tsy fihevitra-reo, **Isa.** 55:7–9. I Jesoa nahalala ny eritreriny, **Mat.** 12:25 (Lio. 5:22; 6:8). Avy ao anatin' ny olona, dia avy ao am-pony, no ivoahan' ny sain-dratsy, **Mar.** 7:20–23. Mambabo ny hevitra rehetra hanai-ky an' i Kristy, **2 Kor.** 10:5. Na inona na inona marina, mahitsy, madio, mahateho-tia dia hevero izany, **Filip.** 4:8. Tsa-rovy fa ny fiheverana ny zavatra ny nofo dia fahafatesana ary ny fiheverana ny zava-panahy kosa dia fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 9:39. Raha tsy mitandrina ny tenanareo sy ny eritreritrareo ianareo dia tsy maintsy ho faty, **Môsià** 4:30. Hanameloka antsika ny eritreritsika, **Almà** 12:14. Tsy misy afa-tsy Andriamanitra ihany no maha-

lala ny eritreritrao sy ny fisaintsainan' ny fonoa, **F&F** 6:16 (F&F 33:1). Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra, **F&F** 6:36. Raketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin' ny fiainana, **F&F** 84:85. Ario lavitra anareo ny eritreritrareo adaladala, **F&F** 88:69. Ary hamba ny eritreritra sy ny fisaintsainan' ny fon' ny olona, **F&F** 88:109. Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy, **F&F** 121:45. Ny fisaintsainan' ny fon' ny olona dia tsy inona fa ny ratsy lalandava, **Mos.** 8:22.

ESAIÀ

Esaià dia mpaminany iray izay niaina tamin' ny andron' i Abrahama (F&F 76:100; 84:11).

ESAO. *Jereo koa* Isaka; Jakoba,

Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahimatoan' i Isaka sy i Rebeka ary rahalahin' i Jakoba sady kambana tamin' Mpifandrafy hatramin' ny nahaterahany izy mirahalaha (Gen. 25:19–26). Ny taranak' i Esao, ny Edomita, sy ny taranak' i Jakoba, ny Isiraelita, dia nanjary firenena mpifandrafy (Gen. 25:23).

Namidin' i Esao tamin' i Jakoba ny fizokiany, **Gen.** 25:33 (Heb. 12:16–17). Nanambady vehivavy Hitita i Esao ka niteraka alahelo ho an' ny ray amandreniny izany, **Gen.** 26:34–35. Nihavana i Jakoba sy i Esao, **Gen.** 33.

ESTERA

Vehivavy manana finoana lehibe ary olona ifotoran' ny bokin' i Estera manontolo.

Ny bokin' i Estera: Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay mirakitra ny tantaran' ny herim-pon' ny Mpanjakavavy Estera izay namonjy ny olon' ny tamin' ny famongorana.

Toko 1–2: milaza ny fomba nifidianana an' i Estera, izay vehivavy Jiosy sady zaza natsangan' ny lehilahy Jiosy atao hoe Mordekay ho zanakavaviny, ho mpanjakavavin' i Persia noho ny hatsaran-tarehiny. Ny toko 3 dia manazava fa nankahala an' i Mordekay i

Hamana, ilay lohany tamin' ny tandapan' ny mpanjaka ary nahazo didim-pitondrana hampamonoana ny vahoaka Jiosy rehetra. Toko 4–10: milaza fa nanao vivery ny ainy mihitsy i Estera ka namboraka ny zom-pireneny tamin' ny mpanjaka ary nahazo nanafoana an' ilay didim-pitondrana.

ETERA. *Jereo koa* Jarèdita

Mpaminany Jarèdita farany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (Ete. 12:1–2).

Ny bokin' i Etera: Boky iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay mirakitra ny ampahany amin' ny rakitsoratra ny Jarèdita. Ny Jarèdita dia andian' olona, izay nonina tao amin' ny ilany andrefan' ny tany, taonjato maro talohan' ny vahoakan' i Lehia. Ny Bokin' i Etera dia nalaina tamin' ireo takelaka efatra amby roapolo hitan' ny vahoakan' i Limia (Môsià 8:8–9).

Toko 1–2: milaza ny fomba nandaozan' ny Jarèdita ny fonenany tamin' ny fotoan' ny Tilikambon' i Babela ary ny nanombohany ny diany mankamin' izay fantatra ankehitriny amin' ny hoe ny Kaontinanta Amerikana. Toko 3–6: manazava fa ny rahalahin' i Jarèda dia nahita ny Mpamonjy fony Izy tsy mbola tonga teto an-tany, fa nandeha sambofiara valo ny Jarèdita. Toko 7–11: manohy ny tantaran' ny faharatsiana izay nanjaka be tamin' ny tantaran' ny Jarèdita. Môrônia, izay namoaka ny rakitsoratr' i Etera, no nanoratra ao amin' ny toko 12–13 ny amin' ny fahagagana vita noho ny finoana ary ny amin' i Kristy sy i Jerosalema Vaovao izay ho avy. Toko 14–15: milaza ny fomba nahatonga ny Jarèdita ho firenena matanjaka saingy ravan' ny ady an-trano vokatry ny faharatsiana.

EVA. *Jereo koa* Adama; Edena; Fahalavaon' i Adama sy i Eva

Vehivavy voalohany niaina teto an-tany (Gen. 2:21–25; 3:20). Vadin' i Adama izy. Ny hevitra ny teny amin' ny teny Hebreo dia “aina” ary midika fa i Eva no reny voalohany teto an-tany

(Mos. 4:26). Izy sy i Adama, ilay lehilahy voalohany, dia hifampizara voninahitra mandrakizay noho ny anjara asa noraisiny ka ahafahan' ny olombelona rehetra mivoatra mandrakizay.

Nalaina fanahy i Eva ka nihinana tamin' ny voankazo voarara, **Gen.** 3 (2 Ne. 2:15–20; Mos. 4). Niaiky ny ilana ny Fahalavoana sy ny hafaliana avy amin' ny Fanavotana i Eva, **Mos.** 5:11–12. Nahita an' i Eva ny Filoha Joseph F. Smith fony izy nahita ny tontolon' ny fanahy tamin' ny fahitana, **F&F** 138:39.

EVANJELISTRA. *Jereo koa* Patriarika; Tsodranon' ny Patriarika

Olona izay mitondra na manambara ny vaovao mahafalin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Nampianatra i Joseph Smith fa ny evanjelista dia patriarika. Antsoina sy atokana eo ambany fitarihan' ny Apostoly Roa ambin' folo ny Patriarika mba hanome tsodrano manokana atao hoe tsodranon' ny patriarika.

Ny Tompo no miantso olona sasany ho Apostoly ary ny sasany ho mpaminany ary ny sasany ho evanjelista, **Ef.** 4:11. Ataoavy ny asan' ny evanjelista, **2 Tim.** 4:5. Isika dia mino ny Apostoly, mpaminany, mpiandry, mpampianatra, evanjelista, **Fp.** 1:6.

EVEKA. *Jereo koa* Fisoronana Aharôna

Adika hoe “mpitandrina”, anjara fanompoana na toeran' ny tompon' andraikitra iray. Ny eveka dia anjara fanompoana ao amin' ny Fisoronana Aharôna izay anokanana olona (**F&F** 20:67; 107:87–88), ary mpitsara tsotra eo amin' ny Isiraely ny eveka (**F&F** 107:72, 74).

Izay nanaovan' ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, **Asa** 20:28. Ny toeran' ny olona tokony hatao mpitandrina, **1 Tim.** 3:1–7 (Tito. 1:7). Tsy maintsy atokana ny eveka, **F&F** 20:67. Tokony hanompo amin' ny asan' ny evekan' ny Fiangonana i Edward Partridge, **F&F** 41:9. Tokony hamantatra ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ny

eveka, **F&F** 46:27, 29. Ny mpisorona avo iray dia mahazo mitarika eo amin' ny anjara fanompoan' ny eveka, **F&F** 68:14, 19 (**F&F** 107:17). Ny eveka dia voatendrin' Andriamanitra, **F&F** 72:1–26. Tokony hikorakara ny mahantra ny eveka, **F&F** 84:112. Tokony hitantana ny zavatra ara-nofa rehetra ny eveka, **F&F** 107:68. Ny eveka no filohan' ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 107:87–88.

EVEKA MIAHY

Manampahefana ambony ao amin' ny Fiangonana. Manana andraikitra faobe amin' ny raharahan' ny Fiangonana momba ny zavatr' izao fiainana izao izy (**F&F** 107:68). Ny eveka miahay sy ireo mpanolotsainy, izay manampahefana ambony ihany koa, no miadidy ny Fisoronana Aharôna ao amin' ny Fiangonana (**F&F** 68:16–17; 107:76, 87–88).

Edward Partridge dia voatokana ho eveka, **F&F** 41:9. Ny eveka dia antsoina sy voatokan' ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 68:14–15. Ireo taranak' i Aharôna ara-bakiteny, raha lahimatoa, dia manana fahefana hitondra raha toa ka antsoina sy atokana ary tendrena amin' ny alalan' ny fametrahana-tanan' ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 68:16, 18–20. Tsy entina hotsaraina afa-tsy eo anoloan' ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 68:22–24 (**F&F** 107:82).

EZEKIELA

Mpaminany nanoratra ny bokin' i Ezekiel, ao amin' ny Testamenta Taloha. Mpisorona avy amin' ny ankohonan' i Zadoka izy ary anankiray tamin' ireo babo Jiosy nentin' i Nebokadnezara. Niara-nonina tamin' ireo Jiosy voasesitany tany Babylona izy ary naminany nandritra ny roa amby roapolo taona, hatramin' ny 592 ka hatramin' ny 570 talohan' i J.K.

Ny bokin' i Ezekiel: Azo zaraina efatra ny bokin' i Ezekiel. Toko 1–3: milaza ny momba ny fahitany an' Andriamanitra ary ny fiantsoana an' i Ezekiel mba hanompo; toko 4–24: milaza ny amin' ny famaizana an' i Jerosalema sy

ny antony nanomezana izany; toko 25–32: manambara famaizana amin' ireo firenena; ary toko 33–48: mirakitra an' ireo fahitana momba ny Isiraelin' ny andro farany.

EZRA

Mpisorona sady mpanora-dalàna ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nitondra ny sasany tamin' ny Jiosy niala ny fahababoana tany Babylona ka niverina tany Jerosalema (Ezra 7–10; Neh. 8, 12). Tamin' ny 458 talohan' i J.K., dia nahazo lalana tamin' i Artakserksesy, mpanjakan' i Persia, izy hitondra ny Jiosy voasesitany izay te handeha hiverina any Jerosalema (Ezra 7:12–26).

Talohan' ny andron' i Ezra, dia saika nifehy tanteraka ny famakiana ny raki-tsoratra masina atao hoe “lalàna” ny mpisorona. Nanampy tamin' ny fanaovana ny soratra masina ho mora azon' ny Jiosy i Ezra. Nanjary ivon' ny fiainam-pirenena Jiosy tamin' ny farany ny famakiana ampahibemaso “ny bokin' ny lalàna”. Ny fampianaran' i Ezra lehibe indrindra angamba dia avy tamin' ny ohatra nasehony tamin' ny fanomanany ny fony hikatsaka ny lalàn' ny Tompo, hankatò izany ary hampianatra izany ny hafa (Ezra 7:10).

Ny bokin' i Ezra: Toko 1–6: dia milazalaza ny zava-nisy izay nitranga hatramin' ny enimpolo ka hatramin' ny valopolo taona talohan' ny nahatongavan' i Ezra tao Jerosalema—ny didim-pitondran' i Kirosoy tamin' ny 537 talohan' i J.K. ary ny fiverenan' ny Jiosy notarihin' i Zerobabela. Toko 7–10: mampiseho ny fomba nandehanan' i Ezra nankany Jerosalema. Izy sy ny andiany dia nifady hanina sy nivavaka hahazo fiarovana. Tao Jerosalema dia hitany ireo Jiosy maro nandeha talohany, notarihin' i Zerobabela, ary efa nanambady vehivavy ivelan' ny fanekempihavanana ka nandoto araka izany ny tenan' izy ireo. Nivavaka ho azy ireo i Ezra ary nampanao azy ireo fanekena mba hisarahany amin' ny vadiny. Hita ao amin' ny bokin' i Nehemia ny fiafaran' ny tantaran' i Ezra.

FAHABABOANA. *Jereo koa Afaka*

Ao anatin' ny fatoran' ny vatana na ny fanahy.

Azo babo ny mpianakavin' i Isiraely noho ny helok' izy ireo, **Ezek.** 39:23. Raha misy mamabo, dia mba hobaboina kosa izy, **Fan.** 13:10. Ny olon-dratsy dia havarina any amin' ny fambaboan' ny devoly, **1 Ne.** 14:4, 7. Afaka ny olona na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay na ny fahababoana sy ny fahafatesana, **2 Ne.** 2:27. Ny sitrapon' ny nofo dia manome hery ny fanahin' ny devoly mba hambabo, **2 Ne.** 2:29. Moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana ny fahababoan' ny razanareo? **Almà** 5:5–6. Ireo izay manamafy ny fony dia entin' ny devoly ho babo, **Almà** 12:11. Miambina sy mivavaka mandrakariva ianareo, fandrao halain' ny devoly fanahy ary hoentiny ho babo, **3 Ne.** 18:15.

FAHADIOVAM-PITONDRANTENA.

*Jereo koa Fanitsakitsaham-bady;
Fijangajangana; Hatsaran-toetra;
Manarana ny Filan' ny Nofo*

Fitondrantena madio na ho an' ny lehilahy na ho an' ny vehivavy.

Nanohitra ny fanangolen' ny vadin' i Potifara i Josefa, **Gen.** 39:7–21 (**F&F** 42:24; 59:6). Tsy hanitsakitsa-bady ianao, **Eks.** 20:14. Ny vehivavy tsara dia satroboninahitry ny lahy, **Ohab.** 12:4 (**Ohab.** 31:10). Moa tsy fantatrarao fa ny tenanareo dia tempolin' ny Fanahy Masina? **1 Kor.** 6:18–19. Aoka ho tonga ho fianarana ianao amin' ny fitondrantena, **1 Tim.** 4:12. Ny zavatra tsy madio dia tsy afaka hiara-mitoetra amin' Andriamanitra, **1 Ne.** 10:21. Fa Izaho Tompo Andriamanitra dia finaritra amin' ny fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy, **Jkb.** 2:28. Ny fahotana avy amin' ny fijangajangana dia fahaveta-vetana, **Almà** 39:1–13. Ny fahadiovany sy ny hasiny no soa sy sarobidy indrindra ambonin' ny zava-drehetra, **Môrô.** 9:9. Mino isika fa tokony ho madio fitondrantena, **Fp.** 1:13.

FAHADIOVANA. *Jereo Madio***FAHAFAHANA.** *Jereo Afaka***FAHAFATESAN' NY VATANA.**

*Jereo koa Fahalavoan' i Adama sy
i Eva; Famonjena; Fitsanganana
amin' ny Maty; Mety Maty*

Ny fisarahan' ny vatana sy ny fanahy. Nitondra ny toetry ny mety maty sy ny fahafatesana ho ety an-tany ny Fahalavoana (**2 Ne.** 2:22; **Mos.** 6:48). Nandresy ny fahafatesana ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ka hitsangana amin' ny maty ny olona tsirairay (**1 Kor.** 15:21–23). Fanomezana mamaimpoana ho an' ny olon-drehetra ny fitsanganana amin' ny maty, na nanao ny tsara izy na nanao ny ratsy teo amin' ity fiainana ity (**Almà** 11:42–44). Ny olona tsirairay dia hiaritra indray mandeha monja ny fahafatesan' ny vatana, fa rehefa atsangana amin' ny maty isika, dia tsy afaka ny ho faty intsony ny vatantsika (**Almà** 11:45).

Ho faty avokoa ny nofo ary ny olona hiverina ho vovoka indray, **Joba** 34:15. Sarobidy eo imason' ny Tompo ny fahafatesan' ny olona masiny, **Sal.** 116:15. Ny vovoka dia hiverina amin' ny tany ary ny fanahy kosa hiverina amin' Andriamanitra, **Mpito.** 12:7. Olona iray no nahatongavan' ny fahafatesana, **1 Kor.** 15:21. Ny Mpamonjy no mihazona ny fanalahidin' ny helo sy ny fahafatesana, **Fan.** 1:18. Tsy hisy intsony ny fahafatesana sy ny alahelo, **Fan.** 21:4. Efa nahatratra ny olon-drehetra ny fahafatesana, **2 Ne.** 9:6, 11 (**Almà** 12:24). Tsy nihevitra na oviana na oviana ny fahafatesana tamin' ny horohoro izy ireo, **Almà** 27:28. Nanazava ny toetry ny fanahy teo anelanelan' ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty i Almà, **Almà** 40:11. Ireo izay maty ao Amiko dia tsy hanandrana fahafatesana, **F&F** 42:46. Ireo izay tsy voatendry ny ho faty dia ho sitrana, **F&F** 42:48. Hozahako toetra amin' ny zava-drehetra ianareo, na dia hatrany amin' ny fahafatesana aza, **F&F** 98:14. Hiverina ho vovoka ianao, **Mos.** 4:25. Lavo i Adama ary

tamin' ny fahalavoany no nahatonga-
van' ny fahafatesana, **Mos.** 6:48.

FAHAFATESANA ARA-PANAHY.

Jereo koa Devoly; Fahalavoan' i
Adama sy i Eva; Fahamelohana;
Famonjena; Helo; Zanaky ny
Fahaverezana

Fisarahana amin' Andriamanitra sy
ny fitaomany; maty raha ny amin' ny
zavatra mikasika ny fahamarinana.
Losifera sy ny ampahatelon' ny mpo-
nin' ny lanitra dia tojo fahafatesana
ara-panahy rehefa nazera avy tany
an-danitra (F&F 29:36–37).

Niditra teo amin' izao tontolo izao
ny fahafatesana ara-panahy noho ny
fahalavoan' i Adama (Mos. 6:48). Ny
olona manana eritreritra, teny ary asa
mamohehatra dia tojo fahafatesana
ara-panahy na dia mbola velona eto
an-tany aza izy (1 Tim. 5:6). Amin' ny
alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa
Kristy sy amin' ny fankatoavana ny
fitsipika sy ny ôrdônansin' ny filazan-
tsara no nahatonga ny lehilahy sy ny
vehivavy hadio amin' ny fahotana ka
handresy ny fahafatesana ara-panahy.

Ny fahafatesana ara-panahy koa dia
mitranga aorian' ny fahafatesan' ny
vatana mety maty. Samy hotsaraina na
ny olona natsangana tamin' ny maty
na ny devoly na ny anjeliny. Ireo izay
efa nikomy an-tsitraro tamin' ny haza-
vana sy ny fahamarinan' ny filazantsara
dia hiaritra ny fahafatesana ara-panahy.
Atao hoe ny fahafatesana faharoa ma-
zàna ity fahafatesana ity (Almà 12:16;
Hel. 14:16–19; F&F 76:36–38).

Hofongorana ny mpanao ratsy, **Sal.**
37:9. Ny fihevitra ny nofo dia fahafa-
tesana, **Rom.** 8:6 (2 Ne. 9:39). Ny filana
dia mandetika ny olona ao amin' ny
fandringanana sy ny fahaverezana,
1 Tim. 6:9. Ny ota no miteraka fahafa-
tesana, **Jak.** 1:15. Izay maharesy dia
tsy ho simban' ny fahafatesana faharoa,
Fan. 2:11. Ny toy ireo no tsy ananan' ny
fahafatesana faharoa fahefana, **Fan.**
20:6, 12–14. Ny olon-dratsy dia hanana
ny anjarany ao amin' ny farihy mirehi-
tra afo sy solifara, izay ny fahafatesana

faharoa, **Fan.** 21:8 (F&F 63:17–18). Afaka
ny olona, na hifidy ny fahafahana sy
ny fiainana mandrakizay na hiditra ny
fahababoana sy ny fahafatesana, **2 Ne.**
2:27 (2 Ne. 10:23; Almà 29:5; Hel. 14:30–
31). Efa nanomana lalana hialantsika
amin' ny fahafatesana sy ny helo An-
driamanitra, **2 Ne.** 9:10. Vahao ny tena-
nareo ho afaka amin' ny fangirifirin' ny
helo mba tsy hahazoanareo miaritra
ny fahafatesana faharoa, **Jkb.** 3:11. Ny
olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, **Môsià** 3:19. Enga anie
ny Tompo hanaiky ny fibebahanareo
mba tsy hahazoanareo miaritra ny
fahafatesana faharoa, **Almà** 13:30. Voa-
hodidin' ny gadra maharitra mandra-
kizain' ny fahafatesana i Almà, **Almà**
36:18. Maty ny amin' ny zavatra mika-
sika ny fahamarinana ny olon-dratsy,
Almà 40:26 (Almà 12:16). Nitondra
fahafatesana ara-panahy tamin' ny
olombelona rehetra ny fahalavoana,
Almà 42:9 (Hel. 14:16–18). Nony lavo i
Adama dia nanjary maty ara-panahy
izy, **F&F** 29:40–41, 44.

FAHAFATESANA FAHAROA.

Jereo Fahafatesana ara-panahy

FAHAFOIZAN-TENA. *Jereo* Sorona

FAHAFOLONKARENA. *Jereo koa*

Fanatitra; Vola

Iray ampahafolon' ny fananana miditra
isan-taona, ka omena ny Tompo amin' ny
alalan' ny Fiangonana. Ampiasaina
ny tahirin' ny fahafolonkarena hanan-
ganana fiangonana sy tempoly, hanoha-
nana ny asa fitoriana, ary hananganana
ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

Nanome an' i Melkizedeka ny ampa-
hafolon' izay rehetra nananany i
Abrahama, **Gen.** 14:18–20 (Heb. 7:1–2,
9; Almà 13:15). An' ny Tompo ny
ampahafolo rehetra: masina ho an' ny
Tomo izany, **Lev.** 27:30–34. Aloavy
tsara ny ampahafolon' ny vokatra
rehetra, **Deot.** 14:22, 28. Nitondra voa-
loham-bokatra betsaka ny zanak' i
Isiraely, **2 Tan.** 31:5. Handroba an' An-
driamanitra va ny olona? Amin' ny

inona moa no androbanay anao? amin' ny fahafolonkarena sy ny fanatitra, **Mal.** 3:8–11 (3 Ne. 24:8–11). Fa izay mandoa fahafolonkarena dia tsy hodorana amin' ny fiaviany, **F&F** 64:23 (F&F 85:3). Haorina amin' ny fahafolonkarenan' ny olony ny tranon' ny Tompo, **F&F** 97:11–12. Nambaran' ny Tompo ny lalàn' ny fahafolonkarena, **F&F** 119. Filan-kevitra no mitantana ny fahafolonkarena, **F&F** 120.

FAHAGAGANA. *Jereo koa*

Famantarana; Finoana

Zava-mahatalanjona miseho noho ny herin' Andriamantra. Lafiny lehibe amin' ny asan' i Jesoa Kristy ny fahagagana. Ao anatiny ny fanasitranana, ny famelomana sy fananganana ny maty. Ampahan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ny fahagagana. Mila finoana ny fanehoana fahagagana (Mar. 6:5–6; Môrm. 9:10–20; Ete. 12:12).

Raha miteny Farao, manaova fahagagana, **Eks.** 7:9. Tsy misy olona izay hanao fahagagana amin' ny anarako ka hiteny ratsy Ahy, **Mar.** 9:39. Kana no toerana nanaovan' i Jesoa fahagagana voalohany, **Jao.** 2:11. Izaho no Andriamanitry ny fahagagana, **2 Ne.** 27:23. Ny herin' Andriamanitra manao fahagagana, **Almà** 23:6. Afaka naneho fahagagana lehibe ho an' ireo tany amin' ny kaontinanta Amerikana i Kristy noho ny finoana lehibe nananan' izy ireo, **3 Ne.** 19:35. Andriamanitra dia tsy nitsahatra ho Andriamanitry ny fahagagana, **Môrm.** 9:15. Aza mangataka fahagagana raha tsy didian' ny Tompo ianareo, **F&F** 24:13–14. Omena ny sasany ny hahavita fahagagana, **F&F** 46:21 (Môrô. 10:12).

FAHAGOLAN' NY ANDRO. *Jereo*

Adama

FAHALALAHANA. *Jereo koa* Afaka;

Fahababoana; Safidy

Toetra na toe-tena ahafahana miasa sy misaintsaina malalaka. Ny fankatoavana ireo fitsipiky ny filazantsara dia

manafaka ny olona amin' ny fatotra arapanahy ateraky ny ota (Jao. 8:31–36).

Ary handeha amin' ny malalaka aho: fa ny didinao no tadiaviko, **Sal.** 119:45. Ary izay itoeran' ny Fanahin' ny Tompo no itoeran' ny fahafahana, **2 Kor.** 3:17. Mitomoera ao amin' ny fahafahana izay nanafahan' i Kristy antsika, **Gal.** 5:1 (F&F 88:86). Afaka ny olona hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 2:27. Ho tanim-pahafahana ity tany ity, **2 Ne.** 10:11. Natsangan' i Môrônia teo anivon' ny Nefita ny fanevan' ny fahafahana, **Almà** 46:36. Mitory fanafahana amin' ireo fanahy babo ny Tompo sy ny mpanompony, **F&F** 138:18, 31, 42.

FAHALALANA. *Jereo koa*

Fahamarinana; Fahatakarana;

Fahendrena

Fahatakarana na fahazoana an-tsaina, indrindra ny fahamarinana, araka izay ampianarana na anamarinan' ny Fanahy.

Jehovah no Andriamanitry ny fahalalana, **1 Sam.** 2:3. Tanteraka amin' ny fahalalana ny Tompo, **Joba** 37:16. Ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandoham-pahalalana, **Ohab.** 1:7. Izay mahafihim-bava no manam-pahalalana, **Ohab.** 17:27. Ny tany ho henika ny fahalalana an' i Jehovah, **Isa.** 11:9 (2 Ne. 21:9; 30:15). Nalainareo ny fanalahidin' ny fahalalana, **Lio.** 11:52. Mihoatra noho ny fahalalana ny fitiavan' i Kristy, **Ef.** 3:19. Amin' ny finoanareo dia maneho fahatanjahan-tsaina, ary amin' ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, **2 Pet.** 1:5. Nanana fahalalana be momba ny hatsaram-pon' Andriamanitra i Nefia, **1 Ne.** 1:1. Ho tonga amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy izy, **2 Ne.** 6:11. Ny marina hanana fahalalana tomombana ny amin' ny fahamarinany, **2 Ne.** 9:14. Manome fahalalana ny Fanahy, **Almà** 18:35. Ny fahalalana-reo dia tomombana amin' izay zavatra izay, **Almà** 32:34. Hoentina indray hankamin' ny tena fahalalana ny Mpanavotra azy ny Lamanita, **Hel.** 15:13.

Azonareo fantarina amin' ny fahalalana tanteraka fa avy amin' Andriamanitra izany, **Môrô**. 7:15–17. Hahita rakitsoa lehiben' ny fahalalana ny olomasina, **F&F** 89:19. Ny fahalalana madio dia mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, **F&F** 121:42. Ho an' izay manana ireo fanalahidin' ny fisoronana masina dia tsy misy fahasaratana ny fahazoana fahalalana momba ny zava-mitranga, **F&F** 128:11. Raha mahazo fahalalana ny olona iray eo amin' izao fiainana izao, dia hanana tombony izy any amin' ny tontolo ho avy, **F&F** 130:19. Tsy azo heverina ny hamonjena ny olona ao amin' ny tsy fahalalana, **F&F** 131:6.

FAHALAVOAN' I ADAMA SY I

EVA. *Jereo koa* Adama; Drafitry ny Fanavotana; Eva; Fahafatesan' ny Vatana; Fahafatesana ara-panahy; Fanavotana; Jesoa Kristy; Mety Maty; Olona araka ny Nofa; Sorompanavotana

Toe-javatra izay nahatonga ny olombelona ho mety maty eto an-tany. Rehefa nihinana tamin' ny voankazo voarara i Adama sy i Eva dia nanjary mety maty, izany hoe, eo ambanin' ny ota sy ny fahafatesana. Adama no nanjary “nofo voalohany” teto an-tany (Mos. 3:7). Ny fanambaran' ny andro farany dia manazava tsara fa fitahiana ny fahalavoana, fa tokony homena haja i Adama sy i Eva amin' ny maha-ray aman-dreny voalohan' ny olombelona rehetra azy ireo.

Ny fahalavoana dia dingana nilaina teo amin' ny fivoaran' ny olona. Noho ny fahalalan' Andriamanitra fa hitranga ny fahalavoana no efa namolavolany Mpamonjy tany amin' ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany. Tonga tamin' ny mitataovononan' ny fotoana i Jesoa Kristy mba hanonitra ny fahalavoan' i Adama, ary koa ny fahotan' ny olona tsirairay raha mibebaka izy.

Amin' ny andro izay ihinananao aminy, dia ho faty marina tokoa ianao, **Gen.** 2:17 (Mos. 3:17). Naka tamin' ny voany izy ary nihinana, **Gen.** 3:6 (Mos. 4:12). Tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao amin' i Adama no ahavelo-

man' ny olona rehetra ao amin' i Kristy, **1 Kor.** 15:22. Tao amin' ny toetry ny fahaverezana sy ny fahalavoana ny olombelona rehetra, **1 Ne.** 10:6. Efa voaomana hatry ny fahalavoan' ny olona ny lalana, **2 Ne.** 2:4. Rehefa avy nihinana tamin' ny voankazo voarara i Adama sy i Eva dia noroahina hiala ny saha Edena, **2 Ne.** 2:19. Lavo i Adama mba hisian' ny olona, **2 Ne.** 2:15–26. Ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, ary efa toy izany hatramin' ny fahalavoan' i Adama, **Môsîà**, 3:19. Nampianatra ny rain' i Lamônia ny momba ny Fahalavoana i Aharôna, **Almà** 22:12–14. Tsy maintsy misy sorompanavotana atao fa raha tsy izany dia lavo sady very ny rehetra, **Almà** 34:9. Nesorina hiala avy teo anatrehan' ny Tompo na ny vatana na ny fanahin' ireo ray aman-drenintsika voalohany, **Almà** 42:2–15 (Hel. 14:16). Noho ny fahalavoana, dia efa zary ratsy ny toetranay, **Ete.** 3:2. Noho ny fandikana ireo lalàna masina ireo, dia nanjary olona lavo ny olona, **F&F** 20:20 (F&F 29:34–44). Satria efa lavo ianao dia azo avotana, **Mos.** 5:9–12. Noho ny fandikan-dalàna, dia tonga ny fahalavoana, **Mos.** 6:59. Ny olona dia hohelohina noho ny fahotany ihany, **Fp.** 1:2.

FAHALEMENA. *Jereo koa*

Fanetren-tena

Ny toetra mety maty sy tsy ampy fahaizana sy tanjaka ary fahaiza-manao. Toe-tena ny fahalemena. Malemy avokoa ny olona rehetra, ary amin' ny alalan' ny fahasovan' Andriamanitra ihany no ahazoany hery hanao ny marina (Jkb. 4:6–7). Izany fahalemena izany dia miseho amin' ny ampahany ao amin' ny fahalemena na ny faharefoan' ny olona tsirairay.

Ampaherezonareo ny tanana miraviravy, **Isa.** 35:3–4. Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery, **Mat.** 26:41 (Mar. 14:38). Noho ny fahalemena kosa izay ao anatiko, araka ny mahanofo, dia mba te hanala tsiny ny tenako ihany aho, **1 Ne.** 19:6. Efa nandidiana ahy ny hanoratra ireto zavatra ireto na

dia teo aza ny fahalemeko, **2 Ne.** 33:11. Aza tezitra amin' ny mpanomponao noho ny fahalemeny, **Ete.** 3:2. Hanaraby ireto zavatra ireto ny Jentilisa, noho ny fahalemenay amin' ny soratra, **Ete.** 12:23–25, 40. Hasehoko azy ny fahalemeny, **Ete.** 12:27–28. Ary noho ianao efa nahita ny fahalemenao dia hohatanjahina ianao, **Ete.** 12:37. Izay osa ao aminareo dia hohatanjahina rahatrizay, **F&F** 50:16. Fantatr' i Jesoa Kristy ny fahalemen' ny olona, **F&F** 62:1.

FAHALOTOAM-

PITONDRANTENA. *Jereo*

Fahadiovam-pitondrantena;
Faharatsiana; Fitondrantena
maloto; Manarana ny filan'
ny nofo

FAHALOTOANA. *Jereo koa*

Faharatsiana; Fahotana; Madio sy
Tsy Madio; Tsy an' Andriamanitra;
Tsy Fahamarinana

Fahalotoam-panahy noho ny tsy fankatoavana an-tsitraro an' Andriamanitra.

Hanasa ny fahalotoan' ny zanakavavin' i Ziona ny Tompo, **Isa.** 4:4 (2 Ne. 14:4). Ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy maloto, **1 Ne.** 15:34 (**Almà** 7:21). Ireo izay maloto dia mbola ho maloto, **2 Ne.** 9:16 (**Môrm.** 9:14). Ahoana no ho fihetseham-ponareo raha mijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra ianareo, mitondra fitafiana mihosina fahalotoana? **Almà** 5:22. Tsy maintsy mbola mijanona ho maloto izy ireo, **F&F** 88:35. Rahoviana aho no hiala sasatra ary ho voadio amin' ny fahalotoana? **Mos.** 7:48.

FAHAMARINANA. *Jereo koa* Didin'

Andriamanitra; Fahalalana;
Faharanitan-tsaina; Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy; Hitsim-po;
Mandeha, Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra; Mendrika;
Tsy Fahamarinana

Olo-marina, masina, tsara toetra, mahitsy; mandeha amin' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra; mifady ny fahotana.

Hitahy ny marina ny Tompo, **Sal.** 5:12. Mitsinjo ny marina ny mason' ny Tompo, **Sal.** 34:15, 17 (1 Pet. 3:12). Mifaly ny vahoaka raha ny marina no manapaka, **Ohab.** 29:2 (**F&F** 98:9–10). Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana, **Mat.** 5:6 (3 Ne. 12:6). Katsaho aloha ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, **Mat.** 6:33. Ny marina ho any amin' ny fiainana mandrakizay, **Mat.** 25:46. Ny fiasan' ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra, **Jak.** 5:16. Izay marina no ankasitrahana' Andriamanitra, **1 Ne.** 17:35. Hotsimbiny ny marina, tsy mila matahotra ny marina, **1 Ne.** 22:17, 22. Noho ny fahamarinan' ny olon' ny Tompo, dia tsy hanam-pahefana i Satana, **1 Ne.** 22:26. Ary raha tsy misy fahamarinana dia tsy misy fahasambarana, **2 Ne.** 2:13. Ny marina no handova ny fanjakan' Andriamanitra, **2 Ne.** 9:18. Ny marina tsy matahotra ny tenin' ny fahamarinana, **2 Ne.** 9:40. Ny olombelona rehetra dia tsy maintsy ovaina ho amin' ny toetry ny fahamarinana, **Môsîà** 27:25–26. Ny anaran' ny marina dia hosoratana ao amin' ny bokin' ny fiainana, **Almà** 5:58. Efa nikatsaka ny fahasambarana ianareo tamin' ny fanaovana heloka izay zavatra mifanohitra amin' ny toetran' ny fahamarinana, **Hel.** 13:38. Ny hiran' ny marina dia vavaka ho Ahy, **F&F** 25:12. Mifahara, miaraka amin' ny rary ho saron-tratra, **F&F** 27:16 (**Ef.** 6:14). Ho mamy amin' ny olo-marina ny fahafatesana, **F&F** 42:46. Ny olo-marina dia hangonina avy any anivon' ny firenen-drehetra, **F&F** 45:71. Ny olona dia tokony hampihatra fahamarinana fatratra amin' ny nahim-pony, **F&F** 58:27. Izay manao ny asan' ny fahamarinana dia handray fiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy, **F&F** 59:23. Amin' ny Fiaviana Fanindroany dia hitranga ny fisarahana tanteraka eo amin' ny olo-marina sy ny olon-dratsy, **F&F** 63:54. Ny herin' ny Lanitra dia tsy azo fehezina raha tsy araka ireo fitsipiky ny

fahamarinana, **F&F** 121:36. Teo anivon' ny marina dia nisy fiadanana, **F&F** 138:22. Ny vahoakan' i Ziona dia niaina tamim-pahamarinana, **Mos.** 7:18. I Abrahama dia mpandala ny fahamarinana, **Abr.** 1:2.

Fahalalana ny zavatra araka ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny haha-izy azy (**F&F** 93:24). Ny fahamarinana dia enti-milaza koa ny fahazavana sy fanambarana avy any an-danitra.

Ny fahamarinana hitsimoka amin' ny tany, **Sal.** 85:11 (**Mos.** 7:62). Ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo, **Jao.** 8:32. Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana, **Jao.** 14:6. Raha hoy isika tsy manana ota isika, ny marina tsy ato anatintsika, **1 Jn.** 1:8. Sarotra ho an' ny olo-meloka ny mandray ny fahamarinana, **1 Ne.** 16:2. Ny marina tia ny fahamarinana, **2 Ne.** 9:40. Fa milaza ny fahamarinana ny Fanahy ary tsy mandainga, **Jkb.** 4:13. Ianao dia Andriamanitry ny fahamarinana, ary tsy afaka mandainga, **Ete.** 3:12. Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra, **Môrô.** 10:5. Ny fahamarinana dia mitoetra mandrakizay mandrakizay, **F&F** 1:39. Efa nohazavain' ny Fanahin' ny fahamarinana ianao, **F&F** 6:15. Ny Bokin' i Môrmôna, dia mirakitra ny fahamarinana sy ny tenin' Andriamanitra, **F&F** 19:26. Ny mpampionona dia nalefa hampianatra ny fahamarinana, **F&F** 50:14. Izay mandray ny teny amin' ny alalan' ny Fanahin' ny fahamarinana dia mandray izany araka izay itorian' ny Fanahin' ny fahamarinana izany, **F&F** 50:17–22. Manambarà ny fahamarinana araka ny fanambarana sy ny didy izay efa nomeko anareo, **F&F** 75:3–4. Izay rehetra fahamarinana dia fahazavana, **F&F** 84:45. Ny fahazavan' i Kristy no fahazavan' ny fahamarinana, **F&F** 88:6–7, 40. Ny Fanahiko dia fahamarinana, **F&F** 88:66. Ny faharanitan-tsaina na ny fahazavan' ny faha-

marinana dia tsy nohariana, **F&F** 93:29. Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharanitan-tsaina, na fahazavana sy fahamarinana, **F&F** 93:36. Efa nodidiako ianareo hitaiza ny zanakareo ao amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana, **F&F** 93:40. Ny Zanaka Lahitokako dia feno fahasoavana sy fahamarinana, **Mos.** 1:6.

FAHAMARINANA. *Jereo koa*

Famindram-po; Sorompanavotana

Ny vokatra tsy azo ihodivirana mien-drika fitahiana noho ny eritreritra sy ny asa tsara, ary famaizana kosa noho ny ota tsy nibebahana. Ny fahamarinana dia lalàna mandrakizay izay mitaky famaizana isaky ny misy fandikana ny didin' Andriamanitra (**Almà** 42:13–24). Tsy maintsy manefa ny famaizana ny mpanota raha tsy mibebaka (**Môsià** 2:38–39; **F&F** 19:17). Raha mibebaka izy, dia ny Mpamonjy no manefa ny famaizana amin' ny alalan' ny sorompanavotana sy miantso famindram-po (**Almà** 34:16).

Ny fanahy izay manota no ho faty, **Ezek.** 18:4. Ny ilain' ny Tompo aminao dia izao ihany: ny hanao ny marina, **Mika** 6:8. Marina sy hamela ny fahotantsika i Jesoa, **1 Jn.** 1:9. Ny fahamarinan' Andriamanitra dia manasarakana ny olon-dratsy amin' ny olo-marina, **1 Ne.** 15:30. Ny sorompanavotana no manefa ny fitakian' ny fahamarinany, **2 Ne.** 9:26. Ny olombelona rehetra dia efa lavo ary eo ambany fifehezan' ny fahamarinana, **Almà** 42:14. Ny sorompanavotana no manefa ny fitakian' ny fahamarinana, **Almà** 42:15. Moa heverinareo va fa ny famindram-po dia afaka mandroba ny fahamarinana? **Almà** 42:25. Mihantona eo amboninao ny fitsaran' Andriamanitra raha tsy mibebaka ianao, **Almà** 54:6. Fahamarinana sy fitsarana no famaizana izay mitovana amin' ny lalàko, **F&F** 82:4. Ny fahitsiana manohy ny diany ary mitaky izay azy, **F&F** 88:40. Tsy misy ho afaka amin' ny fitsarana sy ny lalàn' Andriamanitra, **F&F** 107:84.

FAHAMARINAN-TOETRA. *Jereo*
koa Hitsim-po

Olona izay tso-po, marina ary tsy misy fitaka ao aminy.

Ireo izay mahatoky no ankasitrahan' ny Tompo, **Ohab.** 12:22. Efao ny voadinao, **Mpito.** 5:4–5. Efa nafoinay ny zavatra miafin' ny tsy fahamasinan-toetra, **2 Kor.** 4:1–2. Aoka ho marina ny teninareo, **1 Pet.** 2:12. Lozan' ny mpandainga fa hatsipy any amin' ny helo izy, **2 Ne.** 9:34. Milaza ny marina ny Fanahy ary tsy mandainga, **Jkb.** 4:13. Na zovy na zovy no mindrana amin' ny namany dia tokony hamerina ny zavatra izay nindraminy, **Môsià** 4:28 (F&F 136:25). Ataovy araka ny hitsiny, mitsarà araka ny rariny ary manaova ny tsara, **Almà** 41:14. Aoka ny olona rehetra hifampitondra amim-pahamarinana, **F&F** 51:9. Ireo rehetra izay mahafantatra fa mahitsy ny fony no ekeko, **F&F** 97:8. Ny olona marina, hendry ary tsara no tokony hokatsahina ho eo amin' ny fitondrampanjakana, **F&F** 98:4–10. Mazotoa mikaroka ny hamerina izay very tamin' ny namanao, **F&F** 136:26. Mino isika fa tokony ho marina ny olona, **Fp.** 1:13.

FAHAMASINANA. *Jereo* *koa*
Fahadiovana; Fahamasinana;
Madio; Masina

Toe-panahy sy fitondran-tena fanaperana. Ny fahamasinana dia maneho ny fahadiovan' ny fo sy ny sain' ny olona.

Ny mpikambana dia tokony hampiseho fa mendrika ny Fiangonana izy ireo amin' ny fandehanana amin' ny fahamasinana eo anoloan' ny Tompo, **F&F** 20:69. Ny tranon' ny Tompo dia toeran' ny fahamasinana, **F&F** 109:13. Lehilahin' ny Fahamasinana no anaran' Andriamanitra, **Mos.** 6:57 (Mos. 7:35).

FAHAMELOHANA. *Jereo* *koa*
Devoly; Fahafatesana
ara-panahy; Helo; Zanaky ny
Fahaverezana

Toetran' izay natsahatra tamin' ny fivoarany ka nolavina ny ahazoany

manatrika an' Andriamanitra sy ny Voninahiny. Misy ambaratonga samihafa ny fahamelohana. Ireo rehetra izay tsy mahazo ny fahafenoan' ny fisandratana selestialy dia ho voafetra ihany ny fivoarany sy ny tombontsoany, ka dia voaheloka araka izany izy ireo.

Lozanareo mpihatsaravelatsihy! hahazo ny fahamelohana lehibe tokoa ianareo, **Mat.** 23:14. Izay manevateva ny Fanahy Masina dia manambana azy ny fahamelohana mandrakizay, **Mar.** 3:29. Ireo izay efa nanao ratsy dia hivoaka ho any amin' ny fitsanganana amin' ny maty ho fahamelohana, **Jao.** 5:29 (3 Ne. 26:5). Izay mihinana sy misotro tsy amin' ny fahamendrehana dia mihinana sy misotro fahamelohana ho an' ny tenany, **1 Kor.** 11:29 (3 Ne. 18:28–29). Izay tsy mety mibebaka sady tsy atao batisa no tsy maharitra hatramin' ny farany dia tsy maintsy hohelohina, **2 Ne.** 9:24 (Mar. 16:16; Ete. 4:18; F&F 68:9; 84:74). Ho fadiranovana kokoa ny olon-dratsy raha hiarahitoetra amin' Andriamanitra toy izay hiarahitoetra amin' ny fanahy voaheloka ao amin' ny helo, **Môrm.** 9:4. Izay tsy manao na inona na inona raha tsy baikoina dia voaheloka, **F&F** 58:29. Izay mandray ny fahafenoan' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay dia tsy maintsy manaraka ny lalàna, raha tsy izany dia hohelohina izy, **F&F** 132:6

FAHAMENDREHANA. *Jereo*
Mendrika

FAHARANITAN-TSAINA. *Jereo*
koa Fahamarinana; Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy; Fanahy

Manana heviny maro ny hoe faharanitan-tsaina, ka ny telo amin' izany dia: (1) Fahazavan' ny fahamarinana izay manome fiainana sy fahazavana ho an' ny zava-drehetra eo amin' izao tontolo izao. Efa nisy mandrakariva izany. (2) Ny teny hoe *faharanitan-tsaina* dia mety manondro koa ireo zanak' Andriamanitra ara-panahy. (3) Ny soratra masina koa dia mety hilaza ny amin' ny fahara-

nitan-tsaina ho toy ny manondro ny singan' ny fanahy izay nisy talohan' ny nahaterahantsika ho zanaka arapanahy.

Ny faharanitan-tsaina dia miraikitra amin' ny faharanitan-tsaina, **F&F** 88:40. Ny faharanitan-tsaina dia tsy nohariana na natao, **F&F** 93:29. Ny faharanitan-tsaina rehetra dia mahaleo tena ao amin' ilay sehatra efa nametrahan' Andriamanitra azy, **F&F** 93:30. Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharanitan-tsaina, **F&F** 93:36–37. Ny faharanitan-tsaina tratrantsika teto amin' ity fiainana ity dia hiara-hitsangana amintsika amin' ny fitsanganana amin' ny maty, **F&F** 130:18–19. Ny Tompo no manapaka amin' ny faharanitan-tsaina rehetra, **Abr.** 3:21. Nasehon' ny Tompo an' i Abrahama ireo faharanitan-tsaina izay efa nalamina talohan' ny nisian' izao tonotolo izao, **Abr.** 3:22.

FAHARATSIANA. *Jereo koa*

Fahalotoana; Fahotana; Haizim-panahy; Tsy an' Andriamanitra; Tsy Fahamarinana

Mamohehatra, heloka; Tsy fankatoavana ny didin' Andriamanitra.

Hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin' Andriamanitra? **Gen.** 39:7–9. Ny Tompo dia lavitra ny ratsy fanahy, fa ny fivavaky ny marina no henoiny, **Ohab.** 15:29. Raha ny ratsy fanahy no manapaka dia misento ny vahoaka, **Ohab.** 29:2 (**F&F** 98:9). Esory aminareo ilay mpanao ratsy, **1 Kor.** 5:13. Fa isika mitolona amin' ny mpanjakan' ny fahamaizina eny amin' ny rivotra, **Ef.** 6:12. Mivoaha hiala amin' ny olon-dratsy, ary aza mikasika ny zavany tsy madio, **Almà** 5:56–57 (**F&F** 38:42). Ary dia izany no toetra faran' ny olon-dratsy, **Almà** 34:35 (**Almà** 40:13–14). Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana, **Almà** 41:10. Ary amin' ny alalan' ny olon-dratsy no amaizana ny olon-dratsy, **Môrm.** 4:5 (**F&F** 63:33). Ary amin' io ora io, dia hitranga ny fisara-

hana tanteraka eo amin' ny olo-marina sy ny olon-dratsy, **F&F** 63:54. Tonga toy izany ny fiafaran' ny olon-dratsy, **JS—M** 1:55.

FAHARETANA. *Jereo koa*

Maharitra; Halemem-panahy

Fiaretana amim-pahatoniana; fahaizana miaritra fahoriana na faniratsirana na fandratrana ka tsy mitaraina na mamaly faty.

Miantombena ao amin' ny Tompo, miandrasa Azy amim-paharetana, **Sal.** 37:7–8. Be saina izay mahatsindry fo, **Ohab.** 14:29. Amin' ny faharetanareo no hahatananareo ny ainareo, **Lio.** 21:19. Manana fanantenana amin' ny faharetana sy ny fiononana avy amin' ny Soratra Masina isika, **Rom.** 15:4. Fa hanahaka ireo mandova araka ny teny fikasana amin' ny finoana sy ny faharetana, **Heb.** 6:12–15. Aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra ianareo, **Jak.** 1:2–4. Efa renareo ny faharetan' i Joba, **Jak.** 5:11. Nanaiky tamin-kafaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra izy ireo, **Môsià** 24:15. Nozakainao tamim-paharetana ireo zavatra rehetra ireo, satria nomba anao ny Tompo, **Almà** 38:4–5. Mitozoa ao amin' ny faharetana mandra-pahatonga anareo ho tanteraka, **F&F** 67:13.

FAHARIANA. *Jereo koa* Andro

Sabata; Fahariana ara-panahy; Fiandohana; Jesoa Kristy; Tany

Mandamina. Andriamanitra, rehefa niasa tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy Zanany, dia nandamina ireo singa teo amin' ny zava-boary mba hiforona ho tany. Ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy dia nahary ny olona araka ny endriny (**Mos.** 2:26–27).

Tany am-piandohana dia nahary ny lanitra sy ny tany Andriamanitra, **Gen.** 1:1. Andeha isika hanao olona tahaka ny endritsika, **Gen.** 1:26 (**Mos.** 2:26–27; **Abr.** 4:26). Izy no nahariana ny zava-drehetra, **Jao.** 1:3, 10. Tao aminy no

nahariana ny zavatra rehetra izay any an-danitra, **Kol.** 1:16 (Môsià 3:8; Hel. 14:12). Nanao ireo tontolo tamin' ny alalan' ny Zanany Andriamanitra, **Heb.** 1:2. Nohariana tany am-piandohana ny olona, **Môsià** 7:27. Izaho no nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra, **3 Ne.** 9:15 (Môrm. 9:11, 17). Ny olona rehetra tany am-piandohana dia nohariana araka ny endriko ihany, **Ete.** 3:15. I Jesoa Kristy no nahary ny lanitra sy ny tany, **F&F** 14:9. Nahary ny olona, lahy sy vavy Izy, tahaka ny endriny no nahariany azy ireo, **F&F** 20:18. Tontolo tsy hita isa no efa nohariako, **Mos.** 1:33. Tamin' ny alalan' ny Lahitokako no nahariako ny lanitra, **Mos.** 2:1. Izaho Tompo Andriamanitra dia nahary ara-panahy ny zavatra rehetra talohan' ny nisiany ara-batana tambonin' ny tany, **Mos.** 3:5. Ny tany an-tapitrisany tahaka ity dia tsy mbola fiandohan' ny isan' ny zava-boarinao akory, **Mos.** 7:30. Nandamina sy namorona ny lanitra ireo Andriamanitra, **Abr.** 4:1.

FAHARIANA ARA-PANAHY. *Jereo*
koa Fahariana; Olona

Nahary ny zava-drehetra ara-panahy ny Tompo talohan' ny nahariany azy ara-batana (**Mos.** 3:5).

Andriamanitra dia nanao ny hazo famboly rehetra talohan' ny nisiany tetỳ an-tany, **Gen.** 2:4–6 (**Abr.** 5:5). Tamin' ny herin' ny Fanahiko no nahariako ny zava-drehetra—voalohany ara-panahy, faharoa ara-nofo, **F&F** 29:31–32. Izay ara-nofo dia sarin' izay ara-panahy, **F&F** 77:2. Izaho no nanao izao tontolo izao sy ny olona talohan' ny nahatongavany ho nofo, **Mos.** 6:51.

FAHASALAMANA. *Jereo* Tenin' ny
Fahendrena

FAHASAMBARANA. *Jereo* *koa*
Toriteny teo an-Tendrombohitra

Fampianarana mifampitohitohy izay nomen' i Jesoa ao amin' ny Toriteny teo an-Tendrombohitra ka manoritso-

ritra ny toe-panahy ambony sy mendrika (**Mat.** 5:3–12, **Lio.** 6:20–23). Voarindra ireo Fahasambarana ka ny lahateny tsirairay dia mifototra amin' izay nialoha azy. Ny lahatsoratra feno sy maza-va kokoa momba ireo Fahasambarana dia hita ao amin' ny 3 Nefia 12.

FAHASOAVANA. *Jereo* *koa*
Famindram-po; Famonjena; Jesoa
Kristy; Sorompanavotana

Hery mampahatanjaka avy amin' Andriamanitra, izay mamela ny lehilahy sy ny vehivavy hahazo fitahiana eo amin' ity fiainana ity ary hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandra-tana rehefa avy nampihatra finoana, nibekaka ary nanao ny ezaka tsara indrindra mba hitandrina ny didy. Ny fanampiana sy ny tanjaka avy amin' Andriamanitra toy izany dia omena amin' ny alalan' ny famindram-po sy ny fitiavan' Andriamanitra. Ny olona rehetra mety maty dia mila ny fahasovan' Andriamanitra noho ny fahavoaan' i Adama, ary koa noho ny fahalemen' ny olona.

Ny fahasovana sy ny fahamarinana dia tonga tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, **Jao.** 1:17. Ny fahasovan' i Kristy no hamonjena antsika, **Asa** 15:11 (**Rom.** 3:23–24; **F&F** 138:14). Amin' ny finoana no idirantsika ao amin' ny fahasovany, **Rom.** 5:2. Ny fahasovana no amonjena anareo, amin' ny alalan' ny finoana, **Ef.** 2:8. Ny fahasovan' Andriamanitra dia mitondra famonjena, **Tito.** 2:11. Manatona ny seza fiandrianan' ny fahasovana amim-pahasahiana, **Heb.** 4:16. Omen' Andriamanitra ny olona manetry tena ny fahasovana, **1 Pet.** 5:5. Tsy misy olona afaka mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra raha tsy noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasovan' ny Mesia Masina, **2 Ne.** 2:8. Ao amin' ny fahasovan' Andriamanitra ary amin' ny alalany ihany no amonjena ny olona, **2 Ne.** 10:24. Noho ny fahasovana no amonjena antsika, rehefa ataontsika izay rehetra azontsika atao, **2 Ne.** 25:23. Noho ny fahasovana

no anananay hery hanao ireny zavatra ireny, **Jkb.** 4:7. Mba hahazoana mamerina ny olona ho amin' ny fahasoavana ho solon' ny fahasoavana, araka ny asany, **Hel.** 12:24. Ny fahasoavako dia ampy ho an' ny malemy fanahy sy izay rehetra manetry ny tenany, **Ete.** 12:26–27. Nivavaka i Môrônia mba hanomezana ny Jentilisa fahasoavana mba hananany fiantrana, **Ete.** 12:36, 41. Atao tanteraka ao amin' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ianareo, **Môrô.** 10:32–33. Nahazo fahasoavana niampy fahasoavana i Jesoa, **F&F** 93:12–13, 20.

FAHATAKARANA. *Jereo koa*

Fahalalana; Fahamarinana;
Fahendrena

Mahazo fahalalana na mahatakatra ny dikan' ny fahamarinana iray sy ny fampiharana azy eo amin' ny fiainana.

Aza miankina amin' ny fahalalanao, **Ohab.** 3:5. Ny fanananao rehetra hamidito fahalalana tsara, **Ohab.** 4:7. Niteny tamin' ny fanoharana i Jesoa ary nisy ny tsy nahatakatra, **Mat.** 13:12–17. Nanokatra ny sain' izy ireo ny Tompo, **Lio.** 24:45. Raha tsy mety azonareo ireo, dia satria tsy manontany ianareo, **2 Ne.** 32:4 (3 Ne. 17:3). Notsimbina ny rakitsoratra mba hahazoantsika mamaky sy mahatakatra, **Môsià** 1:2–5. Noho ny tsy finoany dia tsy nety nahatakatra ny tenin' Andriamanitra izy, **Môsià** 26:3. Izy ireo dia olon' ny fahalalana tsy misy tomika, **Almà** 17:2–3. Ny teny dia manomboka mampivelatra ny fanahiko, **Almà** 32:28. Aoka hifandahatra isika mba hahatakaranareo, **F&F** 50:10–12, 19–23. Tsy maintsy mampianatra ny zanany hahatakatra ny ray aman-dreny, **F&F** 68:25. Ny asa sy ny misterin' Andriamanitra dia tsy takatra afa-tsy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, **F&F** 76:114–116. Mikatsaka ny hampihodina ny fon' ny olona hiala amin' ny fahamarinana i Satana, **F&F** 78:10. Mampahavitrika ny fahatakarantsika ny fahazavan' i Kristy, **F&F** 88:11.

FAHATEZERANA. *Jereo koa*

Fankahalana; Fitiavana

Ny hatezerana dia fanehoana hasosorana. Nanarin' ny Tompo ny Olomasiny mba hifehy ny hatezerany (**Mat.** 5:22). Tsy tokony hisafoaka amin' ireo olona ao amin' ny ankohonana na ny ray aman-dreny na ny zanaka. Mazàna ao amin' ny soratra masina dia manana ny endriky ny afo ny hatezerana (**2 Ne.** 15:25; **F&F** 1:13).

Dia tezitra indrindra i Kaina sady nanjombona ny tarehiny, **Gen.** 4:5. Ny Tompo dia malain-ko tezitra sady be famindram-po, **Sal.** 145:8. Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy, **Ohab.** 15:1. Ny olona malaky tezitra manetsika ady; fa izay mahatsindry fo mampitsahatra fifandirana, **Ohab.** 15:18 (**Ohab.** 14:29). Noho ny Anarako dia ononiko ny hatezerako, **Isa.** 48:9. Namelatra mandrakariva ny tanako tamin' ny firenena izay nahatezitra Ahy Aho, **Isa.** 65:2–3. Na zovy na zovy no mamely tahamaina ny takolaka ankavanana, atolory azy koa ny ankavia, **Mat.** 5:39. Hianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, **Ef.** 6:4. Satria efa nilaza ny marina taminareo Aho dia tezitra Amiko ianareo, **Môsià** 13:4. Hamangy ity vahoaka ity amin' ny fahatezerako Aho, **Almà** 8:29. Ny fisafoahany dia tsy mirehitra na amin' iza na amin' iza, afa-tsy amin' ireo izay tsy miaiky ny tanany amin' ny zavadrehetra, **F&F** 59:21. Izaho Tompo dia tezitra amin' ny olon-dratsy, **F&F** 63:32.

FAHATSORANA. *Jereo koa*

Fanetren-tena

Fitondrantena na endrika ivelany maneho fanetrentena, fihamina, ary fahamaotina. Ny olona tsotra dia misoroka ny tafahoatra sy ny fahamatesan-kambo.

Ary ny Tompo Andriamanitra nanao akanjo hoditra ho an' i Adama sy i Eva ka nampiakano azy, **Gen.** 3:21 (**Mos.** 4:27). Ny vehivavy hiravaka amin' ny fitafiana mahamendrika, **1 Tim.** 2:9. Hahonon-tena, ho madio toe-panahy,

hiasa ao an-tranony, **Tito**. 2:5. Maro no tafasondrotra amin' ny avonavona noho ny fahalafosam-bidin' ny fitafiany, **Jkb**. 2:13. Aoka ny fitafianao rehetra ho tsotra, **F&F** 42:40. Mino isika fa tokony ho madio fitondrantena sy mendrika, **Fp**. 1:13.

FAHAVALO. *Jereo* Devoly

FAHAVEREZANA. *Jereo* Zanakany ny Fahaverezana

FAHAVETAVETANA. *Jereo* koa Fahotana

Ao amin' ny soratra masina, zavatra izay mahatonga rikoriko sy fankahalana ho an' ny olona marina sady madio.

Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny molotra mandainga, **Ohab**. 12:22. Fahavetavetana eo imason' ny Tompo ny avonavona, **Jkb**. 2:13–22. Ahiboka ao amin' ny fahitana ny fahavetavetany ihany ny olon-dratsy, **Môsià** 3:25. Ny tsy fahadiovam-pitondrantena dia tena fahavetavetana indrindra noho ny fahotana rehetra afa-tsy ny famonoana olona sy ny fandavana ny Fanahy Masina, **Almà** 39:3–5. Mirehitra amin' ny fahavetavetany ny fahaviniran' ny Tompo, **F&F** 97:24.

FAHAZAVANA, FAHAZAVAN' I KRISTY. *Jereo* koa Fahamarinana; Faharanitan-tsaina; Fanahy Masina; Fieritreretana; Jesoa Kristy

Herin' Andriamanitra, hery fitarihana mivoaka avy amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Kristy ary manome aina sy fahazavana ho an' ny zava-drehetra. Izy no lalàna izay ifehezana ny zava-drehetra. Any an-danitra sy etỳ an-tany (**F&F** 88:6–13). Izy koa no manampy ny olona hahatakatra ireo fahamarinan' ny filazantsara sy manampy amin' ny fametrahana ny olona eo amin' ny lalan' ny filazantsara izay mitondra ho amin' ny famonjena (Jao. 3:19–21; 12:46; **Almà** 26:15; 32:35; **F&F** 93:28–29, 31–32, 40, 42).

Ny fahazavan' i Kristy dia tsy tokony

hafangaro amin' ny Fanahy Masina. Tsy olona ny fahazavan' i Kristy fa fitaomana avy amin' Andriamanitra ary manomana ny olona handray ny Fanahy Masina. Fitaomana ho amin' ny tsara eo amin' ny fiainan' ny olon-drehetra izy (Jao. 1:9; **F&F** 84:46–47).

Iray amin' ny fisehoan' ny fahazavan' i Kristy ny feon' ny fieritreretana, izay manampy ny olona hanavaka ny tsara amin' ny ratsy (**Môrô**. 7:16). Mihamaranitra miaraka amin' ny fianarana ny filazantsara ny feon' ny fieritreretana' ny olona (**Môrô**. 7:12–19). Ny olona izay mihaino ny fahazavan' i Kristy dia voatarika mankany amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy (**F&F** 84:46–48).

Jehovah no fahazavako, **Sal**. 27:1. Aoka isika handeha amin' ny fahazavan' i Jehovah **Isa**. 2:5 (2 Ne. 12:5). Jehovah no ho fahazavana maharitra mandrakizay, **Isa**. 60:19. Ny tena fahazavana dia mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao, **Jao**. 1:4–9 (Jao. 3:19; **F&F** 6:21; 34:1–3). Izaho no fahazavan' izao tontolo izao **Jao**. 8:12 (Jao. 9:5; **F&F** 11:28). Na inona na inona fahazavana dia tsara, **Almà** 32:35. I Kristy no fiainana sy fahazavan' izao tontolo izao, **Almà** 38:9 (3 Ne. 9:18; 11:11; Ete. 4:12). Omena ny olona tsirairay ny fanahin' i Kristy mba hahazoany manavaka ny tsara amin' ny ratsy, **Môrô**. 7:15–19. Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana, ary mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan' ny andro, **F&F** 50:24. Ny Fanahy no manome fahazavana ny olona rehetra, **F&F** 84:45–48 (**F&F** 93:1–2). Izay mitandrana ny didiny dia mandray fahamarinana sy fahazavana, **F&F** 93:27–28. Ny fahazavana sy ny fahamarinana dia mahafoy ny ratsy, **F&F** 93:37.

FAHAZOTOANA

Ezaka mafy sady tsy miato, indrindra amin' ny fanompoana ny Tompo sy ny fankatoavana ny teniny.

Henoy amim-pahazotoana tokoa Aho,

Isa. 55:2. Andriamanitra dia mpamaly soa izay mazoto mitady Azy, **Heb.** 11:6. Asehoy ny zotom-po rehetra, ampio hatsaran-toetra ny finoanareo, **2 Pet.** 1:5. Ampianaro amin' ny zotom-po rehetra ny tenin' Andriamanitra, **Jkb.** 1:19. Efa nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina, **Almà** 17:2. Vonona izy ny hitandrina ny didy tamin' ny fahazotoana rehetra, **3 Ne.** 6:14. Aoka isika hilofo amim-pahazotoana tokoa. **Môrô.** 9:6. Aoka hirotsaka amin-kafanam-po amin' ny tanjona tsara, **F&F** 58:27. Aoka tsy hidonanampoana fa hilofo kosa amin' ny herinareo rehetra, **F&F** 75:3. Tandremo fatratra ny tenin' ny fiainana mandrakizay, **F&F** 84:43. Aoka ny olona tsirairay hianatra ny adidiny ary hiasa amin' ny zotom-po rehetra, **F&F** 107:99.

FAHEFANA. *Jereo koa* Antso,
Antsoin' Andriamanitra;
Fanalahidin' ny Fisoronana;
Fanokanana; Fisoronana; Hery

Fahazoan-dalana nomena ny olona eto an-tany, izay nantsoina na natokana mba hiasa ho an' Andriamanitra sy amin' ny anaran' Andriamanitra Ray na i Jesoa Kristy, amin' ny fanaovana ny asan' Andriamanitra.

Izaho no efa naniraka anao, **Eks.** 3:12–15. Hilaza izay rehetra nandidiako anao, **Eks.** 7:2. Nomeny ny mpianatra roa ambin' ny folo ny fahefana, **Mat.** 10:1. Tsy ianareo no nifidy Ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo, **Jao.** 15:16. Nitory tamin' ny fahefana lehibe i Nefia sy i Lehia, **Hel.** 5:18. Nefia, zanakalahin' i Helamàna, dia lehilahin' Andriamanitra sady nanana hery sy fahefana lehibe avy tamin' Andriamanitra, **Hel.** 11:18 (3 Ne. 7:17). Nomen' i Jesoa hery sy fahefana ireo Nefita roa ambin' ny fololahy, **3 Ne.** 12:1–2. Nantsoina sy natokan' Andriamanitra i Joseph Smith, **F&F** 20:2. Tsy misy olona hitory ny filazantsarako, na hanorina ny Fiangonako, raha tsy voatokana izy ary fantatry ny Fiangonana fa manana fahefana, **F&F** 42:11. Ireo loholona dia

tokony hitory ny filazantsara sady hampiasa fahefana, **F&F** 68:8. Ny fisoronana Melkizedeka dia manana fahefana hitantana ireo zavatra arapanahy, **F&F** 107:8, 18–19. Izay tonto-sa amin' ny alalan' ny fahefan' Andriamanitra dia manjary lalàna, **F&F** 128:9. Izay mitory na mitantana ho an' Andriamanitra dia tsy maintsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ireo izay manana fahefana, **Fp.** 1:5.

FAHENDRENA. *Jereo koa*
Fahalalana; Fahamarinana;
Fahatakarana

Ny fahaizana na fanomezana avy amin' Andriamanitra hitsarana ara-drariny. Amin' ny alalan' ny traikefa sy ny fianarana ary amin' ny alalan' ny fanarahana ny torohevitr' Andriamanitra no ahazoan' ny olona fahendrena. Raha tsy misy ny fanampian' Andriamanitra, dia tsy manana ny tena fahendrena ny olona (2 Ne. 9:28; 27:26).

Nanome fahendrena an' i Solomona Andriamanitra, **1 Mpan.** 4:29–30. Ny voaloham-pahendrena dia izao: mahazoa fahendrena, **Ohab.** 4:7. Izay mihary fahendrena no tia ny tenany, **Ohab.** 19:8. Nitombo tao amin' ny fahendrena i Jesoa, **Lio.** 2:40, 52. Raha misy aminareo tsy ampy fahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, **Jak.** 1:5 (F&F 42:68; JS—T 1:11). Lazai-ko aminareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mianatra fahendrena, **Môsià** 2:17. Mianara fahendrena amin' ny fahatanoranao, **Almà** 37:35. Hahita fahendrena sy rakitsoa lehiben' ny fahalalana ny olomasina, **F&F** 89:19. Aoka izay tsy manam-pahalalana hianatra fahendrena amin' ny fanetrena ny tenany sy ny fiantsoana ny Tompo, **F&F** 136:32.

FAHITANA. *Jereo koa* Fahitana
Voalohany; Fanambarana; Nofy

Fahitana amin' ny maso ny zava-mitranga, na olona, na zavatra amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina.

Ohatra amin' ny fahitana manandanja ireto manaraka ireto: Ny fahitan' i Ezekiela ny andro farany (Ezek. 37–39), ny fahitan' i Stefana an' i Jesoa mitsangana eo an-kavanan' Andriamanitra (Asa 7:55–56), ny fanambaran' i Jaona momba ny andro farany (Fan. 4–21), ny fahitan' i Lehia sy Nefia ny hazon' aina (1 Ne. 8, 10–14), ny fahitan' i Almà zanany ny anjelin' ny Tompo (Môsià 27), ny fahitan' ny rahalahin' i Jarèda ny mponin' ny tany rehetra (Ete. 3:25), ny fahitana ireo voninahitra (F&F 76), ireo fahitana nomena an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin' ny tempolin' i Kirtland (F&F 110), ny fahitan' i Joseph F. Smith ny fanavotana ny maty (F&F 138), ny fahitan' i Mosesy an' Andriamanitra sy ny fahariany (Mos. 1), ny fahitan' i Enoka an' Andriamanitra (Mos. 6–7), ny fahitana voalohany hitan' i Joseph Smith (JS—T 1).

Raha tsy misy fahitana, dia atondra hanaram-po amin' izay tsy mety ny olona, **Ohab.** 29:18. Hahita fahitana ny zanakalahinareo, **Joe.** 2:28 (Asa 2:17). Izy efa nanome ahy fahalalana tamin' ny fahitana, **2 Ne.** 4:23. Iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra izy, **JS—T** 1:33. Isika dia mino ny faminiana, ny fanambarana, ny fahitana, **Fp.** 1:7.

FAHITANA VOALOHANY. *Jereo koa*

Famerenana amin' ny laoniny ny
Filazantsara; Smith, Joseph, zanany

Ny fisehoan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany tamin' i Joseph Smith Mpaminany tao anaty kirihitr' ala.

Ny lohataonan' ny taona 1820 dia feno dimy ambin' ny folo taona i Joseph Smith zanany. Niara-monina tamin' ny fianakaviany tao an-tanànan' i Palmyra, New York, izy. Tao andrefana, tsy lavitra ny fonenan' izy mianakavy, dia nisy alan' ireo hazo vaventy. Nandeha tao amin' io toerana io i Joseph mba hangataka amin' Andriamanitra, hahafantara ny izay fiangonana marina. Nanaitra azy ny namakiany tao amin' ny Baiboly fa tsy maintsy mangataka izany valinteny izany amin' Andriamanitra izy

(Jak. 1:5–6). Ho valin' ny fivavany, dia niseho taminy ny Ray sy ny Zanaka ka niteny taminy tsy hilatsaka ho mpikambana amin' ny fiangonana nisy teto an-tany tamin' izay fotoana izay, satria diso avokoa izy rehetra (JS—T 1:15–20). Ity zava-masina tojo azy ity no santatr' ireo toe-javatra nifampitohitohy ka nahatonga ny famerenana ho amin' ny laoniny ny filazantsara sy ny Fiangonana marin' i Kristy.

FAHORIAANA. *Jereo koa*

Fakam-panahy; Famaizana;
Fanenjehana; Maharitra

Amin' ny alalan' ny fahoriana—fizahan-toetra, olona, ary alahelo—no ahafahan' ny olona mandia zava-maroko izay mitondra any amin' ny fitomboana ara-panahy sy ny fivoarana mandrakizay noho ny fiantetherana amin' ny Tompo.

Andriamanitra tenany mihitsy no namonjy anareo tamin' ny zava-nanjo anareo sy ny fahorianareo rehetra, **1 Sam.** 10:19. Nitaraina tamin' ny Tompo izy ireo tamin' ny fahoriany, **Sal.** 107:6, 13, 19, 28. Na dia omen' ny Tompo anao aza ny mofa fahoriana, dia tsy hiery intsony ny mpampianatra anao, **Isa.** 30:20–21. Tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fifanoherana amin' ny zava-drehetra, **2 Ne.** 2:11. Raha tsy manana na oviana na oviana ny mangidy izy ireo dia tsy ho hainy ny hahafantatra ny mamy, **F&F** 29:39. Tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy ny fahorianao, **F&F** 121:7–8. Ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao fahaizamano, ary ho soa ho anao izany, **F&F** 122:5–8. Manandrana ny mangidy izy ireo mba hahazany mankamamy ny tsara, **Mos.** 6:55.

FAHOTANA. *Jereo koa* Fahalotoana;

Faharatsiana; Fahavetavetana;
Fikomiana; Manafintohina; Tsy an'
Andriamanitra; Tsy Fahamarinana

Fandikana ankitsirano ny didin' Andriamanitra.

Izay manafina ny fahotany dia tsy

hambinina, **Ohab.** 28:13. Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotananareo dia ho fotsy tahaka ny orampanala, **Isa.** 1:18. Ho faty ny mpanota fa ny marina kosa ho voavonjy, **Ezek.** 18. Ny Zanakondrin' Andriamanitra dia manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, **Jao.** 1:29. Aoka hatao batisa hianao ka hosasana ho afaka amin' ny fahotanao, **Asa** 22:16. Fahafatesana no tambin' ny ota, **Rom.** 6:23. Izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia heloka ho azy izany, **Jak.** 4:17. Hanao izay hahotaran-kovitra ahy amin' ny fisehoan' ny ota va ianao, **2 Ne.** 4:31. Lozan' ireo rehetra izay maty ao amin' ny otany, **2 Ne.** 9:38. Tsy afaka ny hihevitra ny fahotana afa-tsy amin' ny rikoriko izy ireo, **Almà** 13:12. Aza mihevitra fa ianao dia haverina avy amin' ny fahotana ho amin' ny fahasambarana, **Almà** 41:9–10. Fa ny Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin' ny hamoram-po faran' izay bitika indrindra, **Almà** 45:16 (F&F 1:31). Ny ankizy madinika dia tsy mahavita manota, **Môrô.** 8:8. Raha mibebaka ny olona dia hibaboka ny fahotany ary hahafoy izany, **F&F** 58:42–43. Fa izay tsy mamela ny fahadisoan' ny rahalahiny dia mitoetra ao aminy ny fahotana lehibe kokoa, **F&F** 64:9. Izay manota amin' ny hazavana lehibe kokoa dia handray fanamelohana lehibe kokoa, **F&F** 82:3. Fa amin' ny fanahy izay manota no hiverenan' ny fahotana taloha, **F&F** 82:7. Rehefa miezaka ny hanafina ny fahotantsika isika, dia indro, misintona ny lanitra, **F&F** 121:37.

FAHOTANA TSY AHAZOANA

FAMELANA. *Jereo koa*

Famonoan' Olona; Fanahy Masina; Manevateva; Zanaky ny Fahaverezana

Ny fahotana amin' ny fandavana ny Fanahy Masina, fahotana izay tsy aha-zaona famelana.

Tsy hahazo famelan-keloka ny olona amin' ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina, **Mat.** 12:31–32 (Mar. 3:29; Lio. 12:10). Tsy azo havaozina amin' ny

fibebahana ireo izay efa nandray ny Fanahy Masina, **Heb.** 6:4–6. Fa raha minia manota isika rehefa nahazo fahalalana tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, **Heb.** 10:26. Raha mandà ny Fanahy Masina ianao, ary fantatrao fa mandà Azy ianao dia indro, izany dia fahotana izay tsy azo ivalozana, **Almà** 39:5–6 (Jkb. 7:19). Tsy misy famelana ho azy, satria efa nandà ny Zanaka Lahitokan' ny Ray izy sady efa nanombo Azy ao aminy, **F&F** 76:30–35. Ny fanevatevana ny Fanahy Masina, izay tsy ho voavela, dia ny mandatsaka ra tsy manan-tsiny rehefa avy nandray ny fanekempihavanako vaovao sy maharitra mandrakizay, **F&F** 132:26–27.

FAKAM-PANAHY. *Jereo koa*

Devoly; Maharitra; Safidy

Fizahana ny fahaizan' ny olona iray misafidy ny tsara amin' ny ratsy; fitarihana hanota sy hanaraka an' i Satana fa tsy Andriamanitra.

Aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy fa manafaha anay amin' ny ratsy, **Mat.** 6:13 (3 Ne. 13:12). Tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo Andriamanitra, **1 Kor.** 10:13. Nalaina fanahy toa antsika i Kristy, **Heb.** 4:14–15. Sambatra ny olona izay maharitra ny fakam-panahy, **Jak.** 1:12–14. Ny fakam-panahy alefan' ny fahavalo dia tsy afa-mandresy ireo izay mihaino ny tenin' ny Tompo, **1 Ne.** 15:24 (Hel. 5:12). Tsy ho afaka nanao araka ny safidiny ny olombelona raha tsy efa notaomin' itsy voalohany na ity faharoa, **2 Ne.** 2:11–16. Miambena sy mivavaha lalandava mba tsy hahazoana maka fanahy anareo mihoatra noho izay azonareo zakaina, **Almà** 13:28. Ampianaro izy hanohitra ny fakam-panahy rehetra avy amin' ny devoly amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo, **Almà** 37:33. Mivavaha mandrakariva ianareo, fandrao dia halain' ny devoly fanahy, **3 Ne.** 18:15, 18 (F&F 20:33; 31:12; 61:39). Tandremo ny fireharehana, fandrao hiditra ao amin' ny fakam-panahy

ianao, **F&F** 23:1. Tonga ho eo ambany fifehezan' ny sitrapon' ny devoly i Adama, satria nilefitra tamin' ny fakam-panahy, **F&F** 29:39–40. Niatrika ireo karazana fakam-panahy rehetra aho, **JS—T** 1:28.

FAKANTAHAKA

Modely azon' ny olona iray arahina mba hahazoana vokany. Ao amin' ny Soratra Masina, ny *fakantahaka* dia matetika midika ho ohatra, amin' ny fomba fiaina iray na amin' ny fanorenana zavatra iray.

Ny nandidian' Andriamanitra ny Isiraely ny amin' ny hanaovana ny tabernakely araka ny fakantahaka naseho an' i Mosesy, **Eks.** 25. Nomen' i Davida an' i Solomona ny sarin' ny fananganana ny Tempoly, **1 Tan.** 28:11–13. Mba hasehon' i Jesoa Kristy eo amiko izay lohany, ny fahari-po rehetra ho fianarana ho an' izay hino Azy, **1 Tim.** 1:16. Homeko anareo ny fakantahaka amin' ny zavatra rehetra, mba tsy ho azo fitahina ianareo, **F&F** 52:14.

FAMAIZANA. *Jereo koa* Fahoriana

Fanitsiana na fifehezana atao amin' ny tsirairay na ny vondron' olona hanampiana azy hihatsara na ho tonga mahery kokoa.

Aza manamavo ny tanam-pamaizan' ny Tsitoha, **Joba** 5:17. (Ohab. 3:11). Sambatra izay olona anarinao, Tompo ô, **Sal.** 94:12. Ny soratra rehetra dia mahaso ho fananarana, ho fanitsiana izay diso, **2 Tim.** 3:16. Izay tian' ny Tompo no faiziny, **Heb.** 12:5–11. Ny Tompo dia mahita fa mety ny hamai-zana ny olony, **Môsîà** 23:21–22. Raha tsy manafay ny olony ny Tompo dia tsy hahatsiaro Azy, **Hel.** 12:3. Niresaka tamin' ny rahalahin' i Jarêda ny Tompo ary nandevilevy azy, **Ete.** 2:14. Nofaizina izy ireo mba hahazoany mibebaka, **F&F** 1:27. Izay tiako no koa faiziko hahazoana namela ny fahotany, **F&F** 95:1. Ireo rehetra izay tsy hiaritra famaizana dia tsy azo hamasinina, **F&F** 101:2–5. Tsy maintsy ilaina ny hamai-

zana ny vahoakako ambara-pianarany fankatoavana, **F&F** 105:6. Izay tsy hizaka famaizana dia tsy mendrika ny fanjakako, **F&F** 136:31.

FAMAIZANA HO FATY. *Jereo koa*

Famonoan' Olona

Famaizana ho faty noho ny heloka vita, mifandraika indrindra amin' ny famaizana noho ny vonoan' olona.

Izay mandatsaka ran' olona, dia mba halatsak' olona koa ny rany, **Gen.** 9:6 (DJS, Gen. 9:12–13). Hatao maty tokoa izay mahafaty olona, **Nom.** 35:16. Ny mpamono olona izay minia mamono dia ho faty, **2 Ne.** 9:35. Voaheloka ho faty ianao araka ny lalàna, **Almà** 1:13–14. Izay namono olona dia nofaizina tamin' ny famonoana ho faty, **Almà** 1:18. Ny lalàna dia mitaky ny ain' izay efa namono olona, **Almà** 34:12. Izay mamono olona dia ho faty, **F&F** 42:19.

FAMANTARAN' IREO

FOTOANA. *Jereo koa* Andro

Farany; Famantarana; Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany

Zava-mitranga na zavatra iainana izay ampisehoan' Andriamanitra amin' ny olona fa misy zava-dehibe amin' ny asany efa nitranga na hitranga tsy ho ela. Famantarana maro ny amin' ny fiavian' ny Mpamonjy Fanindroany no efa naminaniana amin' ny andro farany. Izany famantarana izany dia manampy ny olona mahatoky hahafantatra ny drafitr' Andriamanitra sy hahazo fampitandremana ary hiomana.

Ny tendrombohitra misy ny tranon' ny Tompo dia haorina eo an-tampon' ny tendrombohitra, **Isa.** 2:2–3. Hanangana faneva sy hanangona an' ny Isiraely ny Tompo, **Isa.** 5:26 (2 Ne. 15:26–30). Ny masoandro ho maizina ary ny volana tsy hangaragarana, **Isa.** 13:10 (Joe. 3:15; **F&F** 29:14). Handika ny lalàna sy hanao tsinontsinona ny fane-kempihavanana maharitra mandrakizay ny olona, **Isa.** 24:5. Hiteny tahaka ny feo mivoaka avy amin' ny tany ny Nefita, **Isa.** 29:4 (2 Ne. 27). Hangonina

amin-kery ny Isiraely, **Isa.** 49:22–23 (1 Ne. 21:22–23; 3 Ne. 20–21). Hanorina fanjakana tsy ho rava mandrakizay ny Tompo, **Dan.** 2:44 (F&F 65:2). Ady sy nofy ary fahitana no hialoha ny fiaviana fanindroany, **Joe.** 2. Hiangona hiady amin' i Jerosalema ny firenen-drehetra, **Zak.** 14:2 (Ezek. 38–39). Avy ny andro mandoro toy ny fatana fandoroana, **Mal.** 4:1 (3 Ne. 25:1; F&F 133:64; JS—T 1:37). Loza lehibe maro no hialoha ny fiaviana fanindroany, **Mat.** 24 (JS—M 1). Nilaza ny amin' ny apôstazia lehibe sy ny fotoana mahorin' ny andro farany i Paoly, **2 Tim.** 3–4. Hisy mpaminany roa hohonoina sy hatsangana amin' ny maty any Jerosalema, **Fan.** 11 (F&F 77:15). Haverina indray amin' ny alalan' ny fanompoan' ny anjely ny filazantsara amin' ny andro farany, **Fan.** 14:6–7 (F&F 13; 27; 110:11–16; 128:8–24). Haorina i Babylona ary hianjera, **Fan.** 17–18. Hanganina amin-kery ny Isiraely, **1 Ne.** 21:13–26 (Isa. 49:13–26; 3 Ne. 20–21). Omeko famantarana iray ianareo mba hahafantaranao ny fotoana, **3 Ne.** 21:1. Hivoaka amin' ny herin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna, **Môrm.** 8. Hamony ny Lamanita, **F&F** 49:24–25. Hifamono ny ratsy fanahy, **F&F** 63:32–35 (Fan. 9). Ho avy ny fotoana izay handatsahana ady amin' ny firenen-drehetra, **F&F** 87:2. Famantarana, fikorontanan' ny singa, ary anjely no manomana ny lalana ho amin' ny fiavian' ny Tompo, **F&F** 88:86–94. Haizina no handrakotra ny tany, **F&F** 112:23–24. Nandidy ny olomasina ny Tompo hiomana ho amin' ny fiaviana fanindroany, **F&F** 133.

FAMANTARAN' NY

FAHATERAHANA SY NY

FAHAFATESAN' I JESOA

KRISTY. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Zava-nitranga niaraka tamin' ny fahaterahana sy ny fahafatesan' i Jesoa Kristy.

Fahaterahana: Hanan' anaka ny virjiny ka hiteraka zazalahy, **Isa.** 7:14. Avy ao Betlehema no hivoahan' ilay mpa-

napaka ao amin' ny Isiraely, **Mika** 5:2. I Samoela ilay Lamanita dia naminany andro iray sy alina iray ary andro iray tsy hohamaizinina, kintana vaovao, ary famantarana hafa, **Hel.** 14:2–6. Tanteraka ireo famantarana, **3 Ne.** 1:15–21.

Fahafatesana: I Samoela ilay Lamanita dia naminany haizina, kotroka sy tselatra ary horohoron-tany, **Hel.** 14:20–27. Tanteraka ireo famantarana, **3 Ne.** 8:5–23.

FAMANTARANA. *Jereo koa*

Fahagagana; Famantaran' ireo Fotoana; Fiangonana Marina, Ireo Famantarana ny

Zava-mitranga na zavatra iainana izay heverin' ny olona ho fanamarinana na porofon' ny zavatra iray. Matetika ny famantarana dia fampisehoana mahagaga avy amin' Andriamanitra. Manana fahefana haneho famantarana koa i Satana ao anatin' ny fepetra sasantsasany. Tokony hikatsaka ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy ny olomasina fa tsy tokony hikatsaka famantarana hanomezana fahafahampo ny fahalianana na hanohanana ny finoana. Mifanohitra amin' izany, ny Tompo dia hanome famantarana ho an' ireo izay mino araka izay hitany fa tsara (F&F 58:64).

Ny Tompo no hanome famantarana ho anareo, **Isa.** 7:14 (2 Ne. 17:14). Manao famantarana sy fahagagana any andanitra sy ety an-tany Andriamanitra, **Dan.** 6:27. Izay taranaka ratsy fanahy sy mijangajanga dia fatra-pitady famantarana, **Mat.** 12:39 (Mat. 16:4; Lio. 11:29). Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino, **Mar.** 16:17 (Môrm. 9:24; Ete. 4:18; F&F 84:65). Nitaky famantarana i Serema, **Jkb.** 7:13–20. Nitaky famantarana i Kôrihôra, **Almà** 30:48–60. Raha maneho aminay famantarana ianao, dia hino izahay, **Almà** 32:17. Ny ankamaroan' ny olona dia nino ireo famantarana sy ny zava-mahagaga, **3 Ne.** 1:22. Nanadino ireo famantarana sy zava-

mahagaga ny vahoaka, **3 Ne.** 2:1. Fa tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo, **Ete.** 12:6. Aza mangataka fahagagana raha tsy didia-ko ianareo, **F&F** 24:13. Tsy avy amin' ny famantarana ny finoana, fa ny famantarana no manaraka ireo izay mino, **F&F** 63:7–11. Amin' ireo andro ireo, dia hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ary haneho famantarana sy zava-mahagaga lehibe, **JS—M** 1:22.

FAMANTARANA NY

FIANGONANA MARINA. *Jereo*

Fiangonana Marina, Ireo

Famantarana ny

FAMEHEZANA.

Jereo koa Elia;

Fisoronana; Ôrdônansy

Mampanan-kery any an-danitra ireo ôrdônansy tanterahina amin' ny fahefan' ny fisoronana eto an-tany. Voafehy ny ôrdônansy rehefa mahazo ny fankatoavan' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana, dia ny Fanahy Masina izany.

Na inona na inona fehezinao etỳ ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra, **Mat.** 16:19 (**Mat.** 18:18; **F&F** 124:93; 132:46). Nasiana toombokase tamin' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana ianareo, **Ef.** 1:13. Izaho manome fahefana anao, ka na inona na inona hofehezinao etỳ an-tany dia hofehezina any an-danitra, **Hel.** 10:7. Ireo no omena fahefana hifehy na eto an-tany, na any an-danitra, **F&F** 1:8. Ireo izay ao amin' ny voninahitra selestialy dia fehezin' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana, **F&F** 76:50–70. Natolotr' i Elia ho eo an-tanan' i Joseph Smith ny fanalahidin' ny fahefan' ny famehezana, **F&F** 110:13–16. Koa iza-ny no hery mamehy sy mamatotra, **F&F** 128:14. Ny tenin' ny faminiana mafy orina kokoa dia midika ho fahalalan' ny olona fa izy dia fehezina ho amin' ny fiainana mandrakizay, **F&F** 131:5. Ireo fanekempihavanana rehe- tra ka tsy fehezin' ny Fanahy Masin'

ny fampanantenana dia tsy mifarana rehefa maty ny olona, **F&F** 132:7. Ny asa lehibe tokony hatao any amin' ireo tempolin' ny Tompo dia ahitana ny famehezana ny zanaka amin' ny ray aman-dreniny, **F&F** 138:47–48.

FAMELANA NY FAHOTANA.

Jereo koa Fibebahana; Jesoa Kristy;

Mamela; Sorompanavotana

Famelana amin' ny ratsy natao raha toa ka mibebaka. Noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy no isian' ny famelana ny fahotana. Mahazo fame-lana ny helony ny olona rehefa manam-pinoana an' i Kristy, mibebaka amin' ny fahotany, mandray ny ôrdônansin' ny batisa sy ny fametrahantanana ho fanomezana ny Fanahy Masina, ary mankatò ny didin' Andriamanitra (**Fp.** 1:3–4).

Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotana-reo, dia ho fotsy tahaka ny orampana-la, **Isa.** 1:16–18. Fa ity no rako, dia ny amin' ny fanekena izay alatsaka ho an' ny maro ho famelana ny fahotana, **Mat.** 26:28 (**Heb.** 9:22–28; **F&F** 27:2). Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa mba hahazo famelana ny fahotana, **Asa** 2:38 (**Lio.** 3:3; **F&F** 107:20). Handray famelana ny fahotana ireo izay mino an' i Jesoa, **Asa** 10:43 (**Môsià** 3:13). I Kristy no loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany, **2 Ne.** 25:26. Tsy maintsy mizara amin' ny fananantsika amin' ny mahantra sy ny sahirana isika, hitanana ny famelana ny fahotantsika, **Môsià** 4:11–12, 26. Na zovy na zovy no mibebaka dia hanan-jo amin' ny famindram-po, ho famelana ny helony, **Almà** 12:34. Ny fanatanterahana ny didy dia mitondra famelana ny fahotana, **Môrô.** 8:25. Mihazona ny fanalahidin' ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana ny fisoronana Aharôna, **F&F** 13:1 (**F&F** 84:64, 74; **Fp.** 1:4). Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro ny fahotany intsony, **F&F** 58:42–43 (**Ezek.** 18:21–22). Ireo dia nampianarina ny batisa isoloana tena ho famelana ny fahotana, **F&F** 138:33.

FAMERENANA. *Jereo koa*

Famerenana amin' ny laoniny ny
Filazantsara

Fiverenan' ny zavatra na toetra iray
izay efa very na nesorina.

Hakambana indray ao amin' ny endri-
ny tomombana ny fanahy sy ny vatana,
Almà 11:43–44. Ny famerenana amin'
ny laoniny dia ny famerenana indray
ny ratsy ho amin' ny ratsy, ny tsara ho
amin' izay tsara, **Almà** 41:10–15. Mino
isika fa hampodiana indray ny Foko
Folo, fa hohavaozina ny tany ka han-
dray ny voninahitry ny paradisiy,
Fp. 1:10 (F&F 133:23–24).

**FAMERENANA AMIN' NY
LAONINY NY FILAZANTSARA.**

Jereo koa Apôstazia; Filazantsara;
Fotoampitantanana; Smith,
Joseph, zanany

Famerenan' Andriamanitra ireo faha-
marinana sy ireo ôrdônansin' ny fila-
zantsarany amin' ny olona eto an-tany.
Very teto an-tany ny filazantsaran' i
Jesoa Kristy noho ny apôstazia izay
nitranga taorian' ny fanompoan' ny
Apostolin' i Kristy teto an-tany. Izany
apôstazia izany no nilana ny famerena-
na amin' ny laoniny ny filazantsara.
Naverin' Andriamanitra tamin' ny laoniny
ny filazantsara tamin' ny alalan' ny
fahitana, ny fanompoan' ny anjely,
ary ny fanambarana tamin' ny olona
etỳ an-tany. Nanomboka tamin' ny
mpaminany Joseph Smith ny famere-
nana amin' ny laoniny (JS—T 1:1-75;
F&F 128:20–21) ary mitohy hatramin'
izao amin' ny alalan' ny asan' ireo
mpaminany velon' ny Tompo.

Haorina eo an-tampon-tendrombohi-
tra ny tranon' ny Tompo, **Isa.** 2:2
(Mika 4:2; 2 Ne. 12:2). Hanao zava-
mahagaga sy mahatalanjona Andria-
manitra, **Isa.** 29:14 (2 Ne. 25:17–18;
F&F 4:1). Andriamanitra dia hanorina
fanjakana izay tsy ho rava mandra-
kizay, **Dan.** 2:44. Ho avy i Elià ka
hampody ny zavatra rehetra, **Mat.**
17:11 (Mar. 9:12; F&F 77:14). Ho avy

ny andro hampodiana ny zavatra re-
hetra, **Asa** 3:21 (F&F 27:6). Hangonin'
Andriamanitra ho iray ny zavatra re-
hetra amin' ny fitantanana ny fotoam-
pahafenoana, **Ef.** 1:10. Ary hitako, fa
indro, nisy anjely iray nanana filazan-
tsara maharitra mandrakizay hotori-
na, **Fan.** 14:6. Ho tonga any amin' ny
Jentilisa ny fahafenoan' ny filazantsa-
ra, **1 Ne.** 15:13–18. Hampodiana ho ao
amin' ny fiangonana marina ny Jiosy,
2 Ne. 9:2. Amin' ny andro farany dia
ho tonga ny marina, **3 Ne.** 16:7. Ianareo
no tolorako ny Fisoronan' i Aharôna,
F&F 13:1 (JS—T 1:69). Efa natolotro ny
fanalahidin' ny fanjakana ho an' ny
andro farany, **F&F** 27:6, 13–14 (F&F
128:19–21). Manangona miaraka ny
firenen' i Isiraely sy mamerina in-
dray ny zava-drehetra, **F&F** 77:9.
Natolotra ny fanalahidin' izao fotoam-
pitantanana izao, **F&F** 110:16 (F&F
65:2). Nomena ny fitantanana ny fo-
toam-pahafenoana ny fisoronana, **F&F**
112:30. Nahita olona roa aho, **JS—T**
1:17. Hanambara aminareo ny fisoro-
nana amin' ny tanan' i Elia aho, **JS—T**
1:38 (Mal. 3:23–24).

FAMETRAHAN-TANANA. *Jereo*

koa Atokana; Fanokanana;
Fanomezana ny Fanahy Masina;
Fitsofan-drano ny Marary

Ny fametrahana ny tanana eo amin'
ny lohan' ny olona dia anisan' ny ôr-
dônansin' ny fisoronana. Maro amin'
ireo ôrdônansin' ny fisoronana no tan-
terahina amin' ny alalan' ny fametra-
han-tanana, toy ny fanokanana, ny
tsodrano, ny fitsofan-drano ny marary,
ny fandraisana ho mpikambana ao
amin' ny Fiangonana ary ny fanome-
zana ny Fanahy Masina.

Nametraka ny tanany teo amin' ny
lohan' ny Josoa i Mosesy, araka ny nan-
dian' ny Tompo azy, **Nom.** 27:18, 22–
23 (Deot. 34:9). Nametraka ny tanany
teo amin' ny marary vitsivitsy i Josoa
ka nanasitrana azy, **Mar.** 6:5 (Môrm.
9:24). Nametra-tanana tamin' izy fito
lahy izay hanampy azy ny Apostoly,
Asa 6:5–6. Nomena tamin' ny alalan' ny

fametrahan-tanana ny Fanahy Masina, **Asa** 8:14–17. Nametra-tanana tamin' i Saoly i Ananiasy ka nampahiratra ny masony, **Asa** 9:12, 17–18. Nametra-tanana taminy i Paoly ka nanasitrana azy, **Asa** 28:8. Nampianatra ny fotopampianaran' ny batisa sy ny fametrahan-tanana i Paoly, **Heb.** 6:2. Nanokana mpisorona sy loholona tamin' ny alalan' ny fametrahan-tanana i Almà, **Almà** 6:1. Nomen' i Jesoa ny mpianany ny fahefana hanome ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana, **3 Ne.** 18:36–37. Amin' izay hametrahanareo tanana no hanomezanareo ny Fanahy Masina, **Môrô.** 2:2. Tokony hametra-tanana amin' ny ankizy sady hitsodrano azy ny loholona, **F&F** 20:70. Handray ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana izy ireo, **F&F** 35:6 (Fp. 1:4). Hametra-tanana amin' ny marary ny loholona, **F&F** 42:44 (F&F 66:9). Tokony hametrahan-tanana ny ankizy aorian' ny batisa, **F&F** 68:27. Raisina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana ny fisoronana, **F&F** 84:6–16.

FAMINANIANA. *Jereo koa*

Fanambarana; Mpahita;

Mpaminany; Mpaminany Vavy

Ny faminania dia teny na soratra avy amin' Andriamanitra, izay raisin' ny olona amin' ny alalan' ny fanambarana avy amin' ny Fanahy Masina. Ny filazana an' i Jesoa no fanahin' ny faminania (Fan. 19:10). Mety mikasika ny lasa, ny ankehitriny, na ny hoavy ny faminania. Rehefa maminany ny olona iray dia miteny na manoratra izay tian' Andriamanitra ho fantany, ho an' ny tombontsoan' ny tenany na ny tombontsoan' ny hafa. Mety hahazo faminania na fanambarana ho an' ny fiainany manokana ny olona iray.

Enga anie ka ho mpaminany avokoa ny olon' ny Tompo rehetra, **Nom.** 11:29. Ny zanakalahy sy ny zanakavavina-reo haminany, **Joe.** 2:28 (Asa 2:17–18). Manambara ny tsiambaratelony amin' ny mpaminany mpanompony Izy, **Amo.** 3:7. Ny famoahan-kevity ny faminania ao amin' ny Soratra Masina dia

tsy efan' ny fisainan' ny olona fotsiny ihany, **2 Pet.** 1:20. Manana fanambarana maro sy ny fanahin' ny faminania-na ny Nefita, **Jkb.** 4:6, 13. I Almà sy i Amioleka dia nahalala ny fikasan' ny fon' i Zezrôma tamin' ny alalan' ny fanahin' ny faminania, **Almà** 12:7. Lozan' izay hilaza fa ny Tompo dia tsy miasa intsony amin' ny fanambarana, **3 Ne.** 29:6. Hadihadio ny faminanian' i Isaia, **Môrm.** 8:23. Ho tanteraka avokoa ny faminania, **F&F** 1:37–38. Tsy maintsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminania ny olona, **Fp.** 1:5.

FAMINDRAM-PO. *Jereo koa*

Fahamarinana; Fahasoavana;

Jesoa Kristy; Mamela;

Sorompanavotana

Fanahin' ny fangorahana, lemimpanahy ary famelan-keloka. Ny famindram-po dia iray amin' ny toetran' Andriamanitra. Manolotra famindram-po amintsika i Jesoa Kristy amin' ny alalan' ny sorompanavotana.

Andriamanitra dia mamindra fo sy miantra, **Eks.** 34:6 (Deot. 4:31). Mandrakizay ny famindram-pony, **1 Tan.** 16:34. Fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy, **Sal.** 23:6. Endrey ny fahasambaran' izay mamindra fo amin' ny ory, **Ohab.** 14:21. Famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-dra, **Hosea** 6:6. Sambatra ny mamindra fo; fa izy no hahazo famindram-po, **Mat.** 5:7 (3 Ne. 12:7). Lozanareo mpihatsaravelatsihy izay mandoa ny fahafolon' ny solila ary mamela izay lehibe amin' ny lalàna, ny rariny, ny famindram-po ary ny finoana, **Mat.** 23:23. Aoka ho mpamindra fo ianareo mba ho tahaka ny Rainareo mpamindra fo, **Lio.** 6:36. Tsy avy tamin' ny asa amin' ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjery antsika, **Tito.** 3:5. Ny famindram-pon' ny Tompo dia amin' ireo rehetra, **1 Ne.** 1:20. Tsy manan-jo amin' ny tsy mibebaka ny famindram-po, **Môsià** 2:38–39. Andriamanitra dia feno famindram-po amin' izay rehetra mino ny Anarany,

Almà 32:22. Ny famindram-po dia afaka manefa ny fitakian' ny fahamarinana, **Almà** 34:16. Moa heverinao va fa ny famindram-po dia afaka mandroba ny fahamarinana? **Almà** 42:25 (**Almà** 42:13–25). Velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika noho ny famindram-pony, **Môrô**. 8:19–20 (**F&F** 29:46). Efa nanonitra ho an' ny fahotana-areo ny sandrin' ny famindram-pon' i Jesoa Kristy, **F&F** 29:1. Amin' ny alalan' ny rako izay efa nalatsako no efa nitalahoako teo anoloan' ny Ray ho an' ireo izay mino ny anarako, **F&F** 38:4. Ireo izay nitana ny fanekempihavanana dia hahazo famindram-po, **F&F** 54:6. Izaho Tompo dia mamela ny fahotana ary feno famindram-po amin' ireo izay miaiky ny fahotany amin' ny fietreny fo, **F&F** 61:2. Izaho Tompo dia maneho famindram-po amin' ny malemy fanahy rehetra, **F&F** 97:2. Ary izay mandray anao tahaka ny ankizy madinika dia mandray ny fanjakako; ary sambatra izy fa hahazo famindram-po, **F&F** 99:3. Famindram-po no handeha eo anoloan' ny tavanao, **Mos**. 7:31.

FAMITAHANA. *Jereo Fitaka*

FAMONJENA. *Jereo koa* **Drafitry** ny Fanavotana; Fahafatesan' ny Vatana; Fahafatesana ara-panahy; Fahasoavana; Fanavotana; Fisandratana; Jesoa Kristy; Sorompanavotana

Voavonjy amin' ny fahafatesan' ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy. Ho voavonjy amin' ny fahafatesan' ny vatana ny olona rehetra noho ny fahasovan' Andriamanitra, tamin' ny alalan' ny fahafatesana sy ny fitsanganan' i Jesoa Kristy tamin' ny maty. Ny olona tsirairay dia afaka ho voavonjy amin' ny fahafatesana ara-panahy ihany koa noho ny fahasovan' Andriamanitra, amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy. Aseho amin' ny alalan' ny fiainana feno fankatoavana ireo lalàna sy ny ôrdônansin' ny filazantsara ary ny fanompoana an' i kristy izany finoana izany.

Ny Tompo no fahazavako sy famonje-

na ahy, **Sal**. 27:1. Izy tokoa no vato-lampiko sy famonjena ahy, **Sal**. 62:2. Ny filazantsara no herin' Andriamanitra ho famonjena, **Rom**. 1:16 (**F&F** 68:4). Miasa amin' ny tahotra hahatanteraka ny famonjena anareo, **Filip**. 2:12. Andriamanitra efa nifidy anareo hahazo famonjena amin' ny fanamasinana, **2 Tes**. 2:13. Maimaimpoana ny fanavotana, **2 Ne**. 2:4. Fa tsy misy fanomezana lehibe kokoa noho ny fanomezana ny famonjena, **F&F** 6:13. I Jesoa Kristy no ilay hany anarana izay homena et' ambanin' ny lanitra, izay hahatongavan' ny famonjena, **Mos**. 6:52 (**Asa** 4:10–12). Mino isika fa noho ny sorompanavotana nataon' i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, **Fp**. 1:3.

Famonjena ny ankizy: raha tsy miova hianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra ny fanjakan' ny lanitra, **Mat**. 18:3. Mahazo ny fiainana mandrakizay koa ny ankizy madinika, **Môsà** 15:25. Fahavetavetana ny fanaovana batisa ny ankizy madinika, fa velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika noho ny sorompanavotana, **Môrô**. 8:8–24. Avotana amin' ny alalan' ny Lahitokana ny ankizy madinika, tsy afaka maka fanahy azy ireo i Satana, **F&F** 29:46–47. Hampianarina ny filazantsara sy hatao batisa ny ankizy rehefa feno valo taona, **F&F** 68:25–28. Ny ankizy madinika dia voadio tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, **F&F** 74:7. Niverina indray tany amin' ny toetry ny fahazazany ny olona, tsy nanan-tsiny, **F&F** 93:38. Ny ankizy rehetra izay maty alohan' ny hahatongavan' amin' ny taona maha-tompon' andraikitra azy dia voavonjy ao amin' ny fanjakana selestialy, **F&F** 137:10. Madio ny ankizy hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **Mos**. 6:54.

FAMONJENA, DRAFITRY NY.

Jereo **Drafitry** ny Fanavotana

FAMONJENA HO AN' NY MATY.

Jereo koa **Bokim-pahatsiarovana;** **Drafitry** ny Fanavotana; **Famonjena;** **Tetiarana**

Ny fahafahana, ho an' ireo izay maty

tsy nahazo ireo ôrdônansy mamonjin' ny filazantsara, hahazo ireo ôrdônansy ireo ho an' ny tenany any amin' ny tempoly, tanterahin' ny mpikamban' ny Fiangonana mendrika mbola velona. Ampianarina ny filazantsara any amin' ny tontolon' ny fanahy ny maty, ary afaka manaiky ny ôrdônansy tanterahina ho an' ny tenany eto an-tany izy.

Ny mpikambana mahatoky ao amin' ny Fiangonana dia mitady sy manomana ny tetiarana hamantarana ny anarana sy ny daty nahaterahan' ireo razany, mba hahazoana manatanteraka ireo ôrdônansy mamonjy ho azy ireo.

Hanao amin' ny mpifatotra hoe: mi-voaha, **Isa.** 49:9 (Isa. 24:22; 1 Ne. 21:9). Mitoria fanafahana amin' ny babo, **Isa.** 61:1 (Lio. 4:18). Izy hampody ny fon' ny ray ho an' ny zanaka, **Mal.** 4:5–6 (3 Ne. 25:5–6; F&F 110:13–16). Handre ny feon' ny Zanak' Andriamanitra ireo maty, **Jao.** 5:25. Hanao ahoana izay atao batisa ny amin' ny maty? **1 Kor.** 15:29. Nitory teny tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina i Kristy, **1 Pet.** 3:18–20. Fa noho izany no nitoriana ny filazantsara tamin' izay maty, **1 Pet.** 4:6. Novangian' ny Zanaka ireo izay fanahin' ny olona notanana an-tranomaizina, **F&F** 76:73. Amin' izany no tonga ny fanavotana ireo izay efa nandray ny anjarany tao amin' izany tranomaizina izany, **F&F** 88:99. Fa tsy misy batistera eto an-tany mba hahazoana manao batisa ireo olomasiko ho an' ireo izay efa maty, **F&F** 124:29. Ireo rehetra izay efa maty ka ho nandray ny filazantsara, dia ho mpandova ny fanjakana selestialin' Andriamanitra, **F&F** 137:7–10. Niseho ny Zanak' Andriamanitra, nitory fanafahana tamin' ireo babo izay efa nahatoky, **F&F** 138:18. Ary ny fanahy rehetra tao an-tranomaizina dia nivoaka, **Mos.** 7:57.

FAMONJENA NY ANKIZY. *Jereo*
Zanaka; Famonjena—Famonjena
ny ankizy

FAMONOAN' OLONA. *Jereo koa*
Famaizana ho Faty; Kaina

Mamono olona tsy ara-dalàna sy fanahy iniana. Fahotana nomelohina hatrany am-boalohany ny famonoan' olona (Gen. 4:1–12; Mos. 5:18–41).

Izay mandatsaka ny ran' olona dia mba halatsak' olona kosa ny rany, **Gen.** 9:6 (DJS, Gen. 9:12–13; Eks. 21:12; Almà 34:12). Aza mamono olona, **Eks.** 20:13 (Deot. 5:17; Mat. 5:21–22; Môsià 13:21; F&F 59:6). Hoy Jesoa, aza mamono olona, **Mat.** 19:18. Ny mpamono olona dia hanana ny anjarany amin' ny fahafatesana faharoa, **Fan.** 21:8. Ianareo dia mpamono olona ao am-ponareo, **1 Ne.** 17:44. Lozan' ny mpamono olona izay minia mamono, **2 Ne.** 9:35. Nandidy ny olona ny Tompo Andriamanitra tsy hamonoany olona, **2 Ne.** 26:32. Fahavetavetana eo anatrehan' Andriamanitra ny famonoana olona, **Almà** 39:5–6. Izay mamono olona dia tsy hahazo famelana, **F&F** 42:18. Raha misy olona mamono olona, dia hatolotra ny lalàn' ny tany izy, **F&F** 42:79.

FAMORANA. *Jereo koa*

Fanekempihavanan' i Abrahama

Ny famantarana ny Fanekempihavanan' i Abrahama ho an' ny lehilahy Isiraelita nandritra ny fotoanandron' ny Testamenta Taloha (Gen. 17:10–11, 23–27; DJS, Gen. 17:11). Ny famorana dia tanterahina amin' ny fandidiana ny kambo nofo eo amin' ny zazalahy sy ny lehilahy lehibe. Ireo izay nandray izany dia nahazo ny tombontsoa ary nanaiky ny andraikitra ny fanekempihavanana. Ny famorana amin' ny maha-famantarana ny fanekempihavanana azy dia foana noho ny asa nanirahana an' i Kristy. (Môrô. 8:8; F&F 74:3–7).

FAMPAKARANA VADY MARO.

Jereo Fanambadiana—

Fampakarana vady maro

FAMPIELEZANA AN' I ISIRAEELY.

Jereo Isiraely—Ny fampielezana an' i Isiraely

FAMPITANDREMANA. *Jereo koa*
Mpiambina

Manome fampiompanana na fanairana.

Ny mpaminany, ny mpitondra ary ny ray aman-dreny dia mampitandrina sy mampianatra ny hafa hankatò ny didin' Andriamanitra sy ny fampianarany.

I Jakôba dia nampitandrina ny vahoakan' i Nefia amin' ny karazan' ota rehetra, **Jkb.** 3:12. Miantefa amin' ny olon-drehetra ny feo fampitandremana, **F&F** 1:4. Aoka ny fitorianareo ho feo fampitandremana, **F&F** 38:41. Izao no andro fampitandremana, **F&F** 63:58. Ny olona tsirairay izay efa nampitandremana dia tokony hampitandrina ny namany, **F&F** 88:81. Efa nampitandremako ianareo ary efa nilazako mialoha amin' ny fanomezana anareo ity tenin' ny fahendrena ity, **F&F** 89:4.

FAMPODIANA. *Jereo Famerenana*

FANABEZANA AIZANA. *Jereo
koa Fanambadiana; Fianakaviana*

Fanaraha-maso ny isan' ny zaza atera-ky ny mpivady amin' ny alalan' ny famerana na ny fisorohana ny fitondrana vohoka.

Maroa fara sy mihabetsaha ary mame-
noa ny tany, **Gen.** 1:28 (**Mos.** 2:28). Lova avy amin' ny Tompo ny zanaka maro, **Sal.** 127:3–5. Tokony hanangana taranaka ho an' ny Tompo ny ankohonan' i Lehia, **1 Ne.** 7:1. Tendrin' Andriamanitra ho an' ny olona ny fanambadiana, **F&F** 49:15–17. Ireo izay voasandratra dia handray ny fahafenoana sy ny fitohizan' ny taranany mandrakizay mandrakizay, **F&F** 132:19, 63

FANAFIANA MASINA. *Jereo koa
Tempoly, Tranon' ny Tompo*

Amin' ny ankapobeny dia fanomezana hery avy amin' Andriamanitra no heviny. Ny mpikambana mendrika ao amin' ny Fiangonana dia afaka mandray ny fanomezana hery amin' ny alalan' ireo ôrdônansin' ny tempoly izay manome azy ny fahalalana sy ireo fanekempihavanan' ny Fisoronana Masina izay ilainy, mba hahazoany fisandratana. Ao anatin' ny fanafiana

masina ny fahalalana ny momba ny drafitry ny famonjena.

Any no hanafiana anareo amin' ny hery avy any ambony, **F&F** 38:32, 38 (**Lio.** 24:49; **F&F** 43:16). Manorena trano, dia trano izay kasaiko hanafiana an' ireo izay efa nofidiko, **F&F** 95:8. Efa nomaniko ny fanafiana masina lehibe sy ny fitahiana, **F&F** 105:12, 18, 33. Maro no hifaly noho ny fanafiana masina izay efa nanafiana ireo mpampompoko **F&F** 110:9. Ny voninahitra, ny haja ary ny fanafiana masina dia manan-kery amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny tranoko masina, **F&F** 124:39. Ireo izay voantson' ny Ray, toa an' i Aharôna, dia tafiana amin' ireo fanalahidin' ny fisoronana, **F&F** 132:59.

FANAHY. *Jereo koa Fahafatesan' ny
Vatana; Fanahy (Fitambaran' ny
Vatana sy ny Fanahy); Fitsanganana amin' ny Maty; Olona*

Ny ampahany ao amin' ny olombelona izay efa nisy talohan' ny nahaterahana, izay mitoetra ao amin' ny vatana mandritra ny fiainana mety maty, izay mbola misy miavaka tsara aorian' ny fahafatesana mandra-pahatongan' ny fitsanganana amin' ny maty. Ny zavamanan' aina rehetra—ny olombelona, ny biby, ary ny zavamaniry—dia fanahy talohan' ny nisian' ny karazana aina teto an-tany (**Gen.** 2:4–5; **Mos.** 3:4–7). Mitovy endrika amin' ny vatana ny fanahy (**1 Ne.** 11:11; **Ete.** 3:15–16; **F&F** 77:2; **F&F** 129). Singan-javatra ny fanahy, saingy manify na madio kokoa noho ny zaka mety maty na ny singa (**F&F** 131:7).

Ny olona tsirairay dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra arabakiteny, nateraky ny Ray aman-dreny any an-danitra tamin' ny endrika fanahy talohan' ny niterahan' ny ray aman-dreny mety maty azy etỳ an-tany (**Heb.** 12:9). Manana vatana fanahy izay tsy mety maty ny olona tsirairay, ankoatra ny vatana nofo sy taolana. Araka izay amaritana azy indraindray ao amin' ny soratra masina, ny fitambaran' ny fanahy sy ny vatana no manome ny

olona (Gen. 2:7; F&F 88:15; Mos. 3:7, 9, 19; Abr. 5:7). Afaka miaina tsy misy vatana ny fanahy, saingy ny vatana kosa dia tsy afaka miaina tsy misy ny fanahy (Jak. 2:26). Ny fahafatesan' ny vatana dia ny fisarahan' ny fanahy amin' ny vatana. Amin' ny fitsangana-na amin' ny maty, ny fanahy dia mitambatra indray amin' ilay vatana nofo sy taolana izay nananany tamin' ny mety maty, miaraka amin' ny fahasamihafana roa lehibe: tsy hisaraka intsony izy ireo, ary ho tsy mety maty sy tonga lafatra ny vatana (Almà 40:25; F&F 138:16–17).

Ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao, **Lio**. 24:39. Ny fanahy dia miaramilaza amin' ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika, **Rom**. 8:16. Mankalazà an' Andriamanitra amin' ny tenanareo sy amin' ny fanahinareo, **1 Kor**. 6:20. Ity vatana ity dia ny vatan' ny fanahiko, **Ete**. 3:16. Fa ny olona dia fanahy, **F&F** 93:33. Nitory tamin' ny fanahin' ireo marina tao amin' ny paradisa i Kristy, **F&F** 138:28–30 (1 Pet. 3:18–19). Nateraka teo amin' izao tontolo izao tamin' ny rano sy ny ra ary ny fanahy ianareo, **Mos**. 6:59. Nijoro teo anivon' ireo izay fanahy Izy, **Abr**. 3:23.

Fanahy ratsy: Namoaka demonia maro Jesoa, **Mar**. 1:27, 34, 39. Mivoaha amin' ity lehilahy ity ry fanahy maloto, **Mar**. 5:2–13. Ny Fanahy ratsy dia mampianatra ny olona tsy hivavaka, **2 Ne**. 32:8. Ary tamin' ny anaran' i Jesoa no nandroahany hiala ny devoly sy ny fanahy maloto, **3 Ne**. 7:19. Misy ireo fanahy sandoka maro, izay efa naely patrana, mamitaka izao tontolo izao, **F&F** 50:2, 31–32. Nomen' i Joseph Smith ny fanalahidy telo hamantarana na avy amin' Andriamanitra ny fanahy iray na avy amin' ny devoly, **F&F** 129.

FANAHY (Fitambaran' ny Vatana sy ny Fanahy). *Jereo koa* Fanahy; Vatana

Miresaka mikasika ny fanahy amin' ny lafiny telo ny soratra masina: (1) fanahy talohan' ny fiainana an-tany sy aorian'

ny fiainana an-tany (Almà 40:11–14; Abr. 3:23); (2) fanahy sy vatana tafatambatra ao amin' ny mety maty (Abr. 5:7); ary (3) olona tafatsangana sy tsy mety maty izay tafatambatra tsy azo sarahina ny fanahiny sy ny vatany (Almà 40:23; F&F 88:15–16).

Ny ra no manao fanavotana ho an' ny fanahy, **Lev**. 17:11. Mamelombelona ny fanahiko Izy, **Sal**. 23:3. Tiava ny Tompo Andriamanitrao amin' ny fanahinao rehetra, **Mat**. 22:37 (Mar. 12:30). Toy izany no anambakan' ny devoly ny fanahiny, **2 Ne**. 28:21. Atolory ho toy ny fanatitra ho Azy ny fanahinareo manontolo, **Ômn**. 1:26. Manomboka mampivelatra ny fanahiko ny teny, **Almà** 32:28. Tsy ho noana na hangetaheta na oviana na oviana ny fanahiny, **3 Ne**. 20:8. Ny mofo sy ny rano amin' ny fanasan' ny Tompo dia hamasinina ho an' ny fanahin' ireo izay misotro amin' izany, **Môrô**. 4–5 (F&F 20:77–79). ireo mpiasa ao amin' ny fanjakana dia mitondra famonjena ho an' ny fanahiny amin' ny fanompoany, **F&F** 4:2, 4. Fa lehibe ny hasarobidin' ny olona, **F&F** 18:10. Toy ny efa nahaterahanareo teo amin' izao tontolo izao tamin' ny rano sy ny ra ary ny fanahy ka tonga olombelona, **Mos**. 6:59.

Hasarobidin' ny olona: Fanahy zanak' Andriamanitra ny olona rehetra. Miah-y ny zanany rehetra Izy ary mihavitra ny tsirairay aminy ho manandanja lehibe. Noho izy ireo zanany dia afaka ho tonga toa Azy izy ireo. Koa sarobidy izy ireo.

Misy fifaliana ny amin' ny mpanota iray izay mibebaka, **Lio**. 15:10. Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahy Tokana, **Jao**. 3:16. Tsy tantiny ny mety hisian' ny fanahin' olona ho very, **Môsià** 28:3. Moa va ny fanahy iray tsy sarobidy amin' Andriamanitra amin' izao fotoana izao, toy ny haha-sarobidy ny fanahy iray koa amin' ny fotoana hiaviany? **Almà** 39:17. Fa ny zavatra izay ho manandanja indrindra aminao dia ny mba hahazoanao mitondra

fanahy ho Ahy, **F&F** 15:6. Lehibe ny hasarobidin' ny olona eo imason' Andriamanitra, **F&F** 18:10–15. Indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39.

FANAHY MASIN' NY

FAMPANANTENANA. *Jereo koa*

Fanahy Masina

Ny Fanahy Masina dia ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana (**Asa** 2:33). Amafisiny ho azo ekena amin' Andriamanitra ny asa marina sy ny ôrdônansy ary ny fifaneken' ny olona. Ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana dia vavolombelona manambara amin' ny Ray fa efa notontosaina araka ny fanao ireo ôrdônansy mamonjy ary efa notandremana ny fanekempihavanana mifandray amin' izany.

Ireo izay fehezina amin' ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana dia mahazo izay rehetra ananan' ny Ray, **F&F** 76:51–60 (**Ef.** 1:13–14). Ireo fanekempihavanana sy atao rehetra dia tsy maintsy fehezina amin' ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana mba hanaan-kery any ankoatra ity fiainana ity, **F&F** 132:7, 18–19, 26.

FANAHY MASINA. *Jereo koa*

Andriamanitra; Batisa; Fahotana
Tsy Ahazoana Famelana; Fanahy
Masin' ny Fampantanenana;
Fanambarana; Fanomezana ny
Fanahy Masina; Fitaoman' ny
Fanahy; Mpampionona;
Voromailala, Endriky ny

Ny mpikambana fahatelo amin' ireo Andriamanitra (**1 Jn.** 5:7; **F&F** 20:28). Izy dia olona Fanahy, tsy manana vatana nofo sy taolana (**F&F** 130:22). Ny Fanahy Masina dia mazàna tondroina amin' ny hoe ny Fanahy na ny Fanahin' Andriamanitra.

Manatontosa anjara asa lehibe dia lehibe maro ao amin' ny drafitry ny famonjena ny Fanahy Masina. (1) Vavolombelona manambara ny Ray sy ny

Zanaka izy (**1 Kor.** 12:3; **3 Ne.** 28:11; **Ete.** 12:41). (2) Manambara ny fahamarinan' ny zava-dehetra izy (**Jao.** 14:26; 16:13; **Môrô.** 10:5; **F&F** 39:6). (3) Manamasina an' ireo izay efa nibebaka sy natao batisa izy (**Jao.** 3:5; **3 Ne.** 27:20; **Mos.** 6:64–68). (4) Izy no Fanahy Masin' ny Fampantanenana (**F&F** 76:50–53; 132:7, 18–19, 26).

Mety ho tonga amin' ny olona iray mialohan' ny batisa ny herin' ny Fanahy Masina mba ho vavolombelona manambara fa marina ny filazantsara. Ny zo hanana ny fiarahana lalandava amin' ny Fanahy Masina anefa, rehefa mendrika ny olona iray, dia fanomezana izay tsy azo raisina raha tsy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanan' ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka, aorian' ny batisa nahazoan-dalana hidirana ao amin' ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Nampianatra i Jesoa fa ny fahotana rehetra dia hahazoana famelana afa-tsy ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina (**Mat.** 12:31–32; **Mar.** 3:28–29; **Lio.** 12:10; **Heb.** 6:4–8; **F&F** 76:34–35).

Mahatonga ny olona handeha araka ny lalàn' Andriamanitra ny Fanahy, **Ezek.** 36:27. Nomena fahefana ny Apostoly hanao batisa amin' ny anaran' ny Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, **Mat.** 28:19. Ny Fanahy Masina no hampianatra anareo ny zava-drehetra, **Jao.** 14:26. Niteny araka ny nanentan' ny Fanahy Masina azy ny olona masina, **2 Pet.** 1:21. Notarihin' ny Fanahy i Nefia, **1 Ne.** 4:6. Ireo misterin' Andriamanitra dia hovelabelarina aminy amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina, **1 Ne.** 10:17–19. Ny Fanahy Masina no hampiseho ny zavatra rehetra tokony hataonareo, **2 Ne.** 32:5. Amin' ny herin' ny Fanahy Masina no ahazoanareo mamantatra ny fahamarinan' ny zava-drehetra, **Môrô.** 10:5. Hiteny aminao ao an-tsainao sy ao am-ponao ny Fanahy Masina, **F&F** 8:2. Mitarika hanao ny tsara ny Fanahy, **F&F** 11:12. Mahalala ny zavatra rehetra ny Fanahy Masina, **F&F** 35:19. Ny Fanahy Masina no

mampianatra an' ireo zavatra mandry fehizay momba ny fanajakana, **F&F** 36:2 (**F&F** 39:6). Raha tsy mandray ny Fanahy ianareo dia tsy hampianatra, **F&F** 42:14. Vavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka ny Fanahy Masina, **F&F** 42:17 (1 Kor. 12:3; 3 Ne. 11:32, 35–36). Ho an' ny sasany dia omen' ny Fanahy Masina ny hahafantatra fa i Jesoa Kristy no Zanak' Andriamanitra, **F&F** 46:13. Na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentan' ny Fanahy Masina dia hanjary soratra masina, **F&F** 68:4. Halatsaka ny Fanahy Masina ho vavolombelona hanambara ny zavatra rehetra izay holazainareo, **F&F** 100:8. Ho namanao lalandava ny Fanahy Masina, **F&F** 121:45–46.

FANAHY RATSY. *Jereo* Fanahy —
Fanahy ratsy

FANAJANA. *Jereo* *koa* Manaja;
Tahotra

Fanajana lalina ny zava-masina;
Fitalanjonana

Andriamanitra dia nandidy an' i Mosesy mba hanesotra ny kapany, satria tany masina no ijanonany, **Eks.** 3:4–5. Tokony hatahorana sy hajaina Andriamanitra, **Sal.** 89:7. Manompoa an' Andriamanitra amin' ny fanajana sy ny fahatahorana, **Heb.** 12:28. Niankohoka teo amin' ny tany i Môrônia ary nivavaka mafy tokoa, **Almà** 46:13. Lavo tamin' ny tany ny valalabemandry ary nitsaoka an' i Kristy, **3 Ne.** 11:12–19. Miankohofa eo anoloako, **F&F** 5:24. Ny zava-drehetra miankohoka amin' ny fanajana feno fanetrentena eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra, **F&F** 76:93. Ny sainareo dia nohamaizinina satria efa nohamaivaninareo ireo zavatra efa nohaisinareo, **F&F** 84:54–57. Ny lohaliaka rehetra hitsaoka, ary ny lela rehetra hiaiky, **F&F** 88:104. Ho fanajana sy fitsaohana ny anaran' Ilay Izy Faratampony, ny Fiangonana dia niantso io fisoronana io araka an' i Melkizedeka, **F&F** 107:4. Harotsaka amin' ireo izay

hitsaoka ny Tompo ao an-tranony ny fitahiana, **F&F** 109:21.

FANALAHIDIN' NY FISORONANA. *Jereo* *koa*

Fiadidiana Voalohany;
Fisoronana; Fotoampitantanana

Ny fanalahidy dia zon' ny fiadidiana na fahefana omen' Andriamanitra ny olona mba hitarihana, hifehezana, ary hitantanana ny fisoronan' Andriamanitra eto an-tany. Ireo mpihazona ny fisoronana, izay antsoina ho eo amin' ny toeram-piadidiana, dia mandray fanalahidy avy amin' ireo izay manam-pahefana eo amboniny. Ao anatin' ny fetra apetrak' ireo izay mihazona ny fanalahidy ihany no ampiasan' ny mpihazona ny fisoronana izany fisoronana izany. Mihazona ny fanalahidy rehetra an' ny fisoronana ny filohan' ny fiangonana (**F&F** 107:65–67, 91–92; 132:7).

Nahazo ny fanalahidin' ny fanjakana i Petera, **Mat.** 16:19. Nahazo ny fanalahidin' ny famonjena i Mikaela (Adama), teo ambanin' ny fitarihan' i Jesoa Kristy, **F&F** 78:16. Hazonin' ny Fiadidiana Voalohany mandrakariva ireo fanalahidin' ny fanjakana, **F&F** 81:2. Ny fisoronana Melkizedeka dia mihazona ny fanalahidin' ny misterin' ny fahalalana an' Andriamanitra, **F&F** 84:19. I Joseph Smith sy i Oliver Cowdery dia nahazo ny fanalahidin' ny fanangonana ny Isiraely, ny filazantsaran' i Abrahama ary ny fahefan' ny famehezana, **F&F** 110:11–16. Mihazona fanalahidy manokana ny Apostoly, **F&F** 112:16. Manana ireo fanalahidin' ny fitantanana ny fotoampahafenoana ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Roambinifololahy, **F&F** 112:30–34. Ny mpitarika ao amin' ny Fisoronana dia mihazona fanalahidy, **F&F** 124:123. Afaka mahazo fahalalana izay manana fanalahidy, **F&F** 128:11. Ny Fisoronana Aharôna dia mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny an' ny filazantsaran' ny fibebahana ary ny an' ny batisa, **JS—T** 1:69 (**F&F** 13).

FANAMARINANA. *Jereo*

Manamarina

FANAMASINANA. *Jereo koa*Manamarina; Jesoa Kristy;
Sorompanavotana

Ny dingana hahatongavana amin' ny fahafahana amin' ny fahotana, ho madio, ho tsisy pentina ary ho masina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy (Mos. 6:59–60).

Andriamanitra efa nifidy anareo hahazo famonjena amin' ny fanamasinan' ny Fanahy, **2 Tes.** 2:13. Ny nanaterana ny tenan' i Jesoa Kristy no nanamasinana antsika, **Heb.** 10:10. Niaritra i Jesoa mba hanamasinany ny olona amin' ny rany, **Heb.** 13:12. Nohamasinina ny mpisorona avo, ary nosasana ho fotsy tamin' ny ran' ny Zanakondry ny fitafiany, **Almà** 13:10–12. Ny fanamasinana dia tonga tamin' ireo nanolotra ny fony ho an' Andriamanitra, **Hel.** 3:33–35. Mibebaha mba hahazoana manamasina anareo amin' ny fandraisana ny Fanahy Masina, **3 Ne.** 27:20. Ny fanamasinana amin' ny alalan' ny fahasovan' i Jesoa Kristy dia mahitsy sy marina, **F&F** 20:31. Tonga i Jesoa mba hanamasina izao tontolo izao, **F&F** 76:41. Manamasina ny tenanareo mba tsy hibanjina afa-tsy Andriamanitra ny sainareo, **F&F** 88:68.

FANAMBADIANA. *Jereo koa*

Fianakaviana; Fisarahan-panambadiana

Fanekempihavanana ara-dalàna na fifanekena eo amin' ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ka mahatonga azy ireo ho mpivady. Andriamanitra no nanendry ny fanambadiana (**F&F** 49:15).

Tsy tsara raha irery ralehilahy, **Gen.** 2:18 (Mos. 3:18). Ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany ireo, **Gen.** 2:24 (Mat. 19:5; Abr. 5:18). Izay nampiraisin' Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin' olona, **Mat.** 19:6 (Mar. 10:9). Amin' ny andro farany dia hihemotra amin' ny

finoana ny sasany ka handrara tsy hanambady, **1 Tim.** 4:1–3. Manan-kaja ny fanambadiana, **Heb.** 13:4. Nodididin' Andriamanitra ireo zanakalahin' i Lehia hanambady ireo zanakavavin' i Isimaela, **1 Ne.** 7:1, 5 (1 Ne. 16:7–8). Namorona an' i Adama sy i Eva ho mpivady Andriamanitra, **Mos.** 3:7, 18, 21–25.

Fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain' ny fanambadiana: Ny fanambadiana notanterahina teo ambanin' ny lalànan' ny filazantsara sy ny fisoronana masina dia ho an' izao fiainana izao sy mandrakizay. Ireo lehilahy sy vehivavy mendrika izay nofehezina ho mpivady tany amin' ny tempoly dia afaka hitoetra ho mpivady mandrakizay.

Nampianatra ny lalàn' ny fanambadiana i Jesoa, **Lio.** 20:27–36. Ao amin' ny Tompo dia tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, **1 Kor.** 11:11. Mpiaramandova ny fahasovan' ny fiainana ny mpivady, **1 Pet.** 3:7. Na inona na inona hofehezinao etỳ an-tany dia hofehezina any an-danitra, **Hel.** 10:7 (Mat. 16:19). Mba hahazoana ny ambaratonga avo indrindra ao amin' ny fanjakana selestialy, ny olona dia tsy maintsy miditra ao amin' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain' ny fanambadiana, **F&F** 131:1–4. Raha misy lehilahy manambady vehivavy tsy amin' ny alalako, ny fifanekeny sy ny fanambadiany dia tsy manan-kery rehefa maty izy ireo, **F&F** 132:15. Raha toa ny lehilahy iray manambady vehivavy iray amin' ny alalan' ny teniko, ary amin' ny alalan' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay, ary izany dia fehezina' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana ho azy ireo, dia hana-kery tanteraka izany rehefa ivelan' izao tontolo izao izy ireo, **F&F** 132:19.

Fifanambadian' ny samy hafa finoana: Fifanambadian' ny lehilahy sy ny vehivavy iray izay tsy mitovy finoana sy fombafombam-pivavahana.

Tsy haka vady ho an' ny zanako avy amin' ny zanakavavin' ny Kananita ianao, **Gen.** 24:3. Raha maka vady amin'

ny zanakavavin' ny Hetita i Jakoba, hataoko inona ny aiko? **Gen.** 27:46 (Gen. 28:1–2). Tsy tokony hanambady Kananita ny Isiraely, **Deot.** 7:3–4. Ni-fanambady tamin' ny Kananita sy nampompo andriamani-kafa ny Isiraely ka voaozona, **Mpits.** 3:1–8. Nampivily ny fon' i Solomona hanompo andriamani-kafa ireo vadiny, **1 Mpan.** 11:1–6. Tsy hanome ny zanakay vavy ho vadin' ny tompo-tany, na haka ny zanany vavy ho vadin' ny zanakay lahy izahay, **Neh.** 10:30. Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino, **2 Kor.** 6:14. Nasian' Andriamanitra marika ny Lamanita mba tsy hiharoharoan' ny Nefita aminy ka hinoany ny fomban-drazana diso, **Almà** 3:6–10. Raha misy lehilahy manambady vehivavy tsy amin' ny alalako, ny fifanekeny sy ny fanambadiany dia tsy manan-kery rehefa maty izy ireo, **F&F** 132:15. Nalain' ny zanak' olombelona ho vadiny araka izay nofinidiny ireo, **Mos.** 8:13–15.

Fampakarana vady maro: Fanambadian' ny lehilahy iray vehivavy roa na mihoatra izay samy mbola velona. Ara-dalàna ny tsy hananan' ny lehilahy iray afa-tsy vady tokana raha tsy hoe mandidy ny mifanohitra amin' izany amin' ny alalan' ny fanambarana ny Tompo (Jkb. 2:27–30). Tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha sy tamin' ny fanombohan' ny fiangonana naverina ho amin' ny laoniny dia notanterahina tamin' ny alalan' ny fanambarana teo ambany fitarihan' ny mpaminany izay miha-zona ny fanalahidin' ny fisoronana ny fampakarana vady maro (F&F 132:34–40, 45). Tsy atao intsony izany ao amin' ny fiangonana (F&F FO—1). Ankehitriny, ny fananana vady mihoatra ny iray, dia tsy afa-miaraka amin' ny maha-mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Nomen' i Saray an' i Abrama i Hagara mba ho vadiny, **Gen.** 16:1–11. Nahazo an' i Lea sy i Rahely ary ireo ankizivaviny ho vady i Jakoba, **Gen.**

29:21–28 (Gen. 30:4, 9, 26). Raha maka vehivavy hafa iray ho vadiny ny lehilahy iray, dia tsy hahenany ny fananan' ny vadiny voalohany, **Eks.** 21:10. Niakatra nankany Hebrona i Davida sy ny vadiny roa, **2 Sam.** 2:1–2. I Abraham sy Isaka ary i Jakoba dia tsy nanao afa-tsy izay nandidiana azy ireo tamin' ny fampakarana vady maro, **F&F** 132:37. I Davida sy i Solomona dia tsy nanota na tamin' inona na tamin' inona afa-tsy tamin' ireo zavatra izay tsy noraisiny tamin' ny Tompo, **F&F** 132:38–39.

FANAMBADIANA AO AMIN' NY TEMPOLY. *Jereo* Fanambadiana

FANAMBARAN' I JAONA. *Jereo* *koa* Apôkalypsy; Jaona, Zanakalahin' i Zebedio

Boky farany ao amin' ny Testamenta Vaovao, izay mirakitra ny fanambarana nomena an' i Jaona Apostoly. Navela ho hitany ny tantaran' izao tontolo izao, indrindra fa ny andro farany (Fan. 1:1–2; 1 Ne. 14:18–27; F&F 77). Fantatra koa amin' ny anarana Apokalypsy ny fanambaran' i Jaona.

Nandray io fanambarana io tamin' ny andron' ny Tompo i Jaona, tao amin' ny nosy Patmo (Fan. 1:9–10), izay manamorona ny morontsirak' i Asia, tsy lavitra an' i Efesosy. Tsy fantatra ny tena datin' ny fanambarana.

Hita ao amin' ny 1 Nefia 14:18–27 sy F&F 77 ireo fanalahidy ahazoana mahatakatra ny boky (Ete. 4:15–16).

Toko 1–3: miolorana ny boky sy ny taratasy ho an' ireo fiangonana fito tany Asia. Nanoratra ny taratasy i Jaona mba hanampiana ny olomasina hamaha olana sasantsasany. Toko 4–5: mirakitra ny fahitana azon' i Jaona izay mampiseho ny fahamboniana sy ny fahamarinan' ny herin' Andriamanitra sy i Kristy. Toko 6–9, 11: fitantaran' i Jaona ny fahitany boky nofehezina tamin' ny kase fito ka ny kase tsirairay dia maneho arivo taona amin' ny tantaran' ny tany. Miresaka indrindra ny zava-mitranga voarakitra ao amin' ny

kase fahafito ireo toko ireo (jereo Fan. 8–9, 11:1–15). Toko 10: miresaka ny boky izay nohanin' i Jaona. Maneho ny asa hanirahana izay mbola hotanterahin' i Jaona izany boky izany. Toko 12: mirakitra ny fahitana ny faharatsiana izay nanomboka tany an-danitra raha nikomy sy noroahina i Satana. Mbola mitohy etỳ an-tany ny ady izay nanomboka tany. Toko 13, 17–19: firesahan' i Jaona ny amin' ny fanjakana ratsy eto an-tany izay fehezin' i Satana, ary koa firaketana ny hiafaran' izy ireo ka isan' izany ny famongorana ny ratsy. Toko 14–16: miresaka ny fahamarinan' ny olomasina eo anivon' ny faharatsiana mialoha indrindra ny fiavian' i Kristy fanindroany. Toko 20–22: milaza ny amin' ny Arivotaona, ny tanàna mahafinaritra dia i Jerosalema Vaovao, ary ny zava-nitranga farany eo amin' ny tantaran' ny tany.

FANAMBARANA. *Jereo koa*

Fahazavana, Fahazavan' i Kristy;
Fahitana; Faminaniana;
Fanahy Masina; Feo; Fitaoman' ny Fanahy, Mitaona; Nofy; Tenin' Andriamanitra

Fifandraisan' Andriamanitra amin' ny zanany etỳ an-tany. Ny fanambarana dia mety ho azo amin' ny alalan' ny fahazavan' i Kristy sy ny Fanahy Masina amin' ny endrika fitaoman' ny Fanahy, fahitana, nofy, na famangian' ny anjely. Manome fitarihana izay afaka mitondra ny mahatoky ho any amin' ny famonjena mandrakizay ao amin' ny fanjakana selestialy ny fanambarana.

Manambara ny asany amin' ny mpaminany ny Tompo ary manamafy amin' ny mpino ny fahamarinan' ny fanambarana azon' ny mpaminany (Amo. 3:7). Amin' ny alalan' ny fanambarana no anomezan' ny Tompo fitarihana manokana ho an' ny olona tsirairay izay mikatsaka izany sady manam-pinoana, mibebaka ary mankatò ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. “Mpanambara ny Fanahy Masina,” hoy i Joseph Smith, ary “tsy misy olona

afaka mandray ny Fanahy Masina kanefa tsy mahazo fanambarana.”

Ao amin' ny Fiangonan' ny Tompo, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo dia mpaminany sy mpahita ary mpanambara ho an' ny Fiangonana sy ho an' izao tontolo izao. Ny Filohan' ny Fiangonana no hany olona nomen' ny Tompo fahefana handray fanambarana ho an' ny Fiangonana (F&F 28:2–7). Afaka mahazo fanambarana manokana ho an' ny tombontsoan' ny tenany ny olona tsirairay.

Izay teny rehetra aloakan' ny vavan' ny Tompo no iveloman' ny olona, **Deot.** 8:3 (Mat. 4:4; F&F 98:11). Ny Tompo niteny tamin' ny feo nitsoka malemy, **1 Mpan.** 19:12. Raha tsy misy ny fahitana, dia ho faty ny olona, **Ohab.** 29:18. Tsy manao na inona na inona tokoa ny Tompo Andriamanitra, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony, **Amo.** 3:7. Sambatra hianao ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko, **Mat.** 16:15–19. Ny Fanahy no hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra, ary hanambara aminareo ny zavatra ho avy, **Jao.** 16:13. Raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, **Jak.** 1:5. Hambara ny zavatra rehetra, **2 Ne.** 27:11. Hanome ny zanak' olombelona andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra Aho, **2 Ne.** 28:30. Tsy misy zava-miafina izay tsy hambara, **2 Ne.** 30:17. Ny Fanahy Masina no hampiseho aminareo ny zavatra rehetra, **2 Ne.** 32:5. Tsy misy olona mahafantatra ny lalan' Andriamanitra raha tsy ambara azy izany, **Jkb.** 4:8. Nifady hanina sy niva-vaka mba hahazo fanambarana i Almà, **Almà** 5:46. Hanambara amin' ny mahatoky ny zavatra izay tsy mbola nambara hatrizay, **Almà** 26:22. Ireo izay mandà ny fanambarana dia tsy mahafantatra ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sady tsy mahatakatra ny Soratra Masina, **Môrm.** 9:7–8. Tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo

raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo, **Ete.** 12:6. Ho tanteraka ny teniko, **F&F** 1:38. Tsy nilaza fiadanana ho an' ny sainao va Aho momba io toe-javatra io? **F&F** 6:22–23. Hiteny anao ao an-tsainao sy ao am-ponao Aho, **F&F** 8:2–3. Raha marina izany, dia hahamay ny ao anatin' ny tratranao Aho, **F&F** 9:8. Aza mandà ny fanahin' ny fanambarana, **F&F** 11:25. Handray fanambarana anampy fanambarana ireo izay mangataka, **F&F** 42:61. Na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentanana' ny Fanahy Masina dia hanjary feon' ny Tompo, **F&F** 68:4. Homen' Andriamanitra fahalalana ianareo, **F&F** 121:26. Nahita ny Ray sy ny Zanaka i Joseph Smith, **JS—T** 1:17. Isika dia mino ny zava-drehetra izay efa nambaran' Andriamanitra, sy mbola hambarany, **Fp.** 1:7, 9.

FANAMELOHANA. *Jereo koa*

Fitsarana; Fitsarana Farany, Ny

Mitsara na tsarain' Andriamanitra ho meloka.

Hohelohan' Andriamanitra ny mamoron-tsain-dratsy, **Ohab.** 12:2. Faizin' ny Tompo isika mba tsy hohelohina miaraka amin' izao tontolo izao, **1 Kor.** 11:32. Hanameloka antsika ny tenintsika, ny asantsika ary ny eritre-ritsika, **Almà** 12:14. Ny fahalalana zavatra sy ny tsy fanaovana azy dia hahatonga ny olona ho eo ambany fahamelohana, **Hel.** 14:19. Raha atsa-hatsika ny asa, dia hoentina ho eo ambany fanamelohana isika, **Môrô.** 9:6. Izay tsy mamela ny rahalahiny dia meloka eo anoloan' ny Tompo, **F&F** 64:9. Izay manota amin' ny hazavana lehibe kokoa dia handray fanamelohana lehibe kokoa, **F&F** 82:3. Ny Fiangonana iray manontolo dia eo ambany fanamelohana ambara-pibebahany sy ahatsiarovany ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 84:54–57.

FANAMPIANA. *Jereo koa Asa*

Fanasoavana; Fanatitra;
Fifadian-kanina; Mahantra

Fanomezana hanampiana ny mahantra.

Aza atao eo imason' ny olona ny fanampiana, **Mat.** 6:1–4 (3 Ne. 13:1–4). Io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra, **Mar.** 12:41–44. Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray, **Asa** 20:33–35. Mba tiako ny hizaranareo amin' ny fanananareo amin' ny mahantra, **Môsià** 4:26. Ny vahoakan' ny Fiangonana dia tokony hanome amin' ny fananany, araka izay ananan' ny tsirairay, **Môsià** 18:27.

FANANGANAN' ANAKA. *Jereo*

koa Abrahama—Ny taranak' i Abrahama; Isiraely; Zanak' i Kristy; Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra

Miresaka fananganan' anaka karazany roa ny Soratra Masina.

(1) Ny olona izay tsy iray firazanana amin' ny Isiraélita dia miditra ho isan' ny fianakavian' i Abrahama sy ny mpianakavin' i Isiraely, noho izy nino an' i Jesoa Kristy, nibebaka, natao batisa asitrika ary nandray ny Fanahy Masina (2 Ne. 31:17–18; **F&F** 84:73–74; **Abr.** 2:6, 11).

(2) Ireo rehetra izay efa nandray ny ôrdônansy mahavonjy avy amin' ny filazantsara dia tonga zanakalahy sy zanakavavin' i Jesoa Kristy amin' ny fankatoavana tsy tapaka ny didiny (**Rom.** 8:15–17; **Gal** 3:24–29; 4:5–7; **Môsià** 5:7–8).

FANANGOLENA. *Jereo koa* Fitaka

Ny hoe fanangolena ao amin' ny soratra masina dia hafetsena miharo fitaka.

Sambatra ny olona izay tsy misy fanangolena ny fanahiny, **Sal.** 32:2 (**Sal.** 34:13; 1 **Pet.** 2:1). Natanaela dia Isiraélita izay tsy nisy fitaka tao aminy, **Jao.** 1:47 (**F&F** 41:9–11). Ny fahalalana madio dia mampivoatra ny fanahy tsy misy fitaka, **F&F** 121:42.

FANANGONANA NY ISIRAEELY.

Jereo koa Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely

FANANTENANA. *Jereo koa* Finoana

Fiandrandra amim-pahatokiana sy faniriana ireo fitahiana nampanantenain' ny fahamarinana. Mazàna ny soratra masina dia miresaka ny amin' ny fanantenana ho toy ny fiheverana mialoha ny fiainana mandrakizay amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy.

Hotahina ny olona izay ny Tompo no fanantenany, **Jer.** 17:7. Ny Tompo no ho fanantenan' ny olony, **Joe.** 4:16. Manana fanantenana isika amin' ny alalan' ny faharetana sy ny soratra masina, **Rom.** 15:4. Andriamanitra dia efa niteraka antsika indray ho amin' ny fanantenana velona tamin' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty, **1 Pet.** 1:3. Ny olona rehetra izay manana izany fanantenana izany dia manadio ny tenany, **1 Jn.** 3:2–3. Tsy maintsy mibosesika handroso iana-reo, amin' ny fanananareo fanantenana mampirapiratra sy lavorary, **2 Ne.** 31:20. Ezaho izay anananareo finoana, fanantenana ary fiantrana, **Almà** 7:24 (1 Kor. 13:13; Môrô. 10:20). Iriko ny hihainoanareo ny teniko amin' ny fananana fanantenana fa ho azonareo ny fiainana mandrakizay, **Almà** 13:27–29. Raha manana finoana ianareo dia manantena ny zavatra izay tsy hita nefa marina, **Almà** 32:21 (Heb. 11:1). Ny fanantenana dia avy amin' ny finoana, mipetraka ho vatofantsika ho an' ny fanahy, **Ete.** 12:4 (Heb. 6:17–19). Tsy maintsy manantena ny olona fa raha tsy izany dia tsy afaka mandray lova izy, **Ete.** 12:32. Niresaka momba ny finoana, ny fanantenana, ary ny fiantrana i Môrmôna, **Môrô.** 7:1. Iana-reo dia hanantena amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy mba hatsangana ho amin' ny fiainana mandrakizay, **Môrô.** 7:40–43. Mamenonareo amin' ny fanantenana ny Fanahy Masina. **Môrô.** 8:26 (Rom. 15:13). Nandao ny fiainana mety maty izy ireo, niorina tao amin' ny fanantenana ny fitsanganana amin' ny maty be voninahitra, **F&F** 138:14.

FANARANANA NY FILAN' NY NOFO. *Jereo* Manarana ny filan' ny nofo

FANASAN' NY TOMPO. *Jereo koa* Batisa; Fanasana Farany; Hazofijaliana; Jesoa Kristy; Mofon' aina; Rano Velona; Sorompanavotana; Sorona

Ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ny *fanasan' ny Tompo* dia enti-manondro ny ôrdônansin' ny fandraisana amin' ny mofy sy ny rano ho fahatsiarovana ny sorompanavotan' i Kristy. Ny mofy voatapatapaka dia maneho ny nofony rotidrotika, ny rano kosa maneho ny ra izay nalatsany hanonerana ny fahotantsika (1 Kor. 11:23–25; F&F 27:2). Rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo ny mpikambana mendrika ao amin' ny Fiangonana, dia mampanantena izy fa hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, hahatsiaro Azy mandrakariva ary hitandrana ny didiny. Amin' ny alalan' io ôrdônansy io no anavaozan' ireo mpikamban' ny Fiangonana ny fanekempihavanana nataony tamin' ny batisa.

Nanazava ny ôrdônansin' ny fanasan' ny Tompo i Jesoa nandritra ny fanasana farany izay niarahany nihinana tamin' ny Apostoly Roa ambin' ny fololahy (Mat. 26:17–28; Lio. 22:1–20).

Nandray mofy i Jesoa ary nisaotra, ary nandray ny kapoaka Izy ka nisaotra, Mat. 26:26–28 (Mar. 14:22–24; Lio. 22:19–20). Izay mihinana ny nofo ko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay, **Jao.** 6:54. Fa izay rehetra mihinana sy misotro kanefa tsy mendrika dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an' ny tenany, **1 Kor.** 11:29 (3 Ne. 18:29). Nampianatra ireo Nefita roa ambin' ny fololahy mpianany momba ny fanasan' ny Tompo i Jesoa, **3 Ne.** 18:1–11. Nampianarin' i Jesoa ny mpianany tsy hamela ireo izay tsy mendrika handray ny fanasan' ny Tompo, **3 Ne.** 18:28–29 (Môrm. 9:29). Nomena ny vavaky ny fanasan' ny Tompo, **Môrô.** 4–5 (F&F 20:75–79).

Ny fanasan' ny Tompo dia tantanin' ny mpisorona na ny loholona, **F&F** 20:46, 76. Ny mpianatra sy ny diakona dia samy tsy manana fahefana hitan-tana ny fanasan' ny Tompo, **F&F** 20:58. Azo ampiasaina amin' ny fanasan' ny Tompo ny zava-pisotro hafa ankoatra ny divay, **F&F** 27:1–4.

FANASANA. *Jereo koa* Batisa;
Sorompanavotana

Manadio ny vatana na ny fanahy. An' ohatra, ny olona izay mibebaka dia afaka ho voadio amin' ny fiainana vesaran' ny fahotana sy ny vokany amin' ny alalan' ny sorona fanavotan' i Jesoa Kristy. Ny fanasana sasany tanterahina eo ambanin' ny fahefan' ny fisoronana dia miasa ho ôrdônansy masina.

Hosasan' ny mpisorona ny fitafiany, ary handro amin' ny rano izy, **Nom.** 19:7. Sasao madio aho mba ho afa-keloka, **Sal.** 51:2, 7. Misasà hianareo, diovy ny tenanareo, atsaharo ny ratsy fananareo, **Isa.** 1:16–18. Jesoa dia nanasa ny tongotr' ireo Apostoliny, **Jao.** 13:4–15 (**F&F** 88:138–139). Aoka hatao batisa hianao ka hosasana ho afaka amin' ny fahotanao, **Asa** 22:16 (**Almà** 7:14; **F&F** 39:10). Fa tsy misy olona azo vonjena raha tsy efa fotsiana ny fitafiany, **Almà** 5:21 (3 **Ne.** 27:19). Efa nosasana ho fotsy tamin' ny ran' i Kristy ny fitafiany, **Almà** 13:11 (Ete. 13:10). Mba ho amin' ny fitandremana ny didiny no hahazoana manasa sy manadio azy ireo amin' ny fahotany rehetra, **F&F** 76:52. Ny fanosoranareo sy ny fisasanareo dia manan-kery amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny tranoko masina, **F&F** 124:39–41.

FANASANA FARANY. *Jereo koa*
Fanasan' ny Tompo; Paska

Araka ny Testamenta Vaovao, ny sakafo farany nohanin' i Jesoa talohan' ny nisamborana sy nanomboana Azy (Lio. 22:14–18). Nihinana izany izy sy ny Apostoly Roa ambin' ny folo nandritra ny Paska (**Mat.** 26:17–30; **Mar.** 14:12–18; Lio. 22:7–13).

Nisaotra ny amin' ny mofa sy ny divay ny Tompo ary nanome azy ny Apostoly, **Mat.** 26:26–29 (**Mar.** 14:22–25; Lio. 22:7–20). Nanasa ny tongotr' ireo Apostoly i Jesoa, **Jao.** 13. Nambara ho mpamadika an' i Jesoa i Jodasy, **Jao.** 13:21–26 (**Mat.** 26:20–25).

FANASITRANANA. *Jereo*
Manasitrana

FANATITRA. *Jereo koa* Asa
Fanasoavana; Fahafolonkarena;
Fanampiana; Fifadian-kanina;
Sorona

Fanomezana ho an' ny Tompo. Mam-piasa io teny io matetika ny Testamenta Taloha hilazana ny sorona na fanatitra ho odorana. Ny Fiangonana ankehitriny dia mampiasa ny fanatitry ny fifadian-kanina sy ireo fanatitra an-tsitraro hafa (ka isan' izany ny fotoana, ny talenta, ary ny fananana) mba hanampiana ny mahantra sy ho an' ny tanjona mendrika hafa.

Nandroba Ahy ianareo amin' ny fahafolonkarena sy ny fanatitra, **Mal.** 3:8–10. Mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin' ny rahalahinao ary avy eo vao atero ny fanatitrao, **Mat.** 5:23–24. Atolory ho toy ny fanatitra ho an' i Kristy ny fanahinareo manontolo, **Ômn.** 1:26. Fa raha manolotra fanomezana ny olona iray kanefa tsy manao izany amin' ny finjavana marina, dia tsy mahaso azy na amin' inona na amin' inona izany, **Môrô.** 7:6. Tsy hoesorina na oviana na oviana intsony ny fanalahidin' ny fisoronana, ambara-panatitry ny zanakalahin' i Levy fanatitra amimpahamarinana ho an' ny Tompo indray, **F&F** 13:1. Amin' io andron' ny Tompo io, dia hanatitra ny fanatitrao sy ny fanati-pisaoranao ho an' ny Avo Indrindra ianao, **F&F** 59:12. Aoka isika, amin' ny maha-fiangonana sy vahoaka ary Olomasin' ny Andro Farany antsika, hanatitra fanatitra amimpahamarinana ho an' ny Tompo, **F&F** 128:24.

FANAVOTANA. *Jereo koa*

Fahafatesan' ny Vatana;
 Fahafatesana ara-panahy;
 Fahalavoan' i Adama sy i Eva;
 Famonjena; Jesoa Kristy;
 Sorompanavotana

Manafaka, mividy na manonitra, toy ny mandoa vola hanafahana ny olona iray amin' ny famatorana. Ny *fanavotana* dia milaza ny sorompanavotan' i Kristy sy ny fanafahana amin' ny fahotana. Manavotra ny olona rehetra amin' ny fahafatesan' ny vatana ny sorompanavotan' i Jesoa. Amin' ny alalan' ny sorompanavotana nataony dia voavotra amin' ny fahafatesana ara-panahy ihany koa ireo izay manam-pinoana azy sy mibebaka.

Izaho efa nandevona ny fahadisoanao, **Isa.** 44:22. Hovonjeko ho afaka amin' ny fahafatesana izy, **Hosea** 13:14 (Sal. 49:15). Mandray ny fanavotana noho ny ran' i Kristy isika, **Ef.** 1:7, 14 (Heb. 9:11–15; 1 Pet. 1:18–19; Almà 5:21; Hel. 5:9–12). Efa navotan' ny Tompo tamin' ny helo ny fanahiko, **2 Ne.** 1:15. Ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' ny Mesia Masina sy ao Aminy, **2 Ne.** 2:6–7, 26 (Môsîà 15:26–27; 26:26). Nihira ny fitiavana manavotra izy ireo, **Almà** 5:9 (Almà 5:26; 26:13). Ny ratsy dia mijanona ho toy ny tsy nisy fanavotana efa natao, **Almà** 11:40–41 (Almà 34:16; 42:13; Hel. 14:16–18). I Jesoa Kristy no nanatanteraka ny fanavotana izao tontolo izao, **Môrm.** 7:5–7. Ny herin' ny fanavotana dia tonga amin' ny rehetra izay tsy manana lalàna, **Môro.** 8:22 (F&F 45:54). Tsy azo avotana amin' ny fahalavoampanahiny ireo izay tsy mino, **F&F** 29:44. Avotana ny ankizy madinika hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **F&F** 29:46. Efa nanavotra ny olony ny Tompo, **F&F** 84:99. Hitan' i Joseph F. Smith tamin' ny fahitana ny fanavotana ny maty, **F&F** 138. Nifaly tamin' ny fanavotana azy i Adama sy i Eva, **Mos.** 5:9–11.

FANAVOTANA, DRAFITRY NY.

Jereo Drafitry ny Fanavotana

FANDRAFIANA. *Jereo koa*

Fitiavana; Mialona; Valifaty

Ao amin' ny Soratra Masina, fifanoherana, otri-po ary fankahalana.

Hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, **Gen.** 3:15 (Mos. 4:21). Fandrafiana an' Andriamanitra ny fihevitra ny nofo, **Rom.** 8:7. Fandrafiana an' Andriamanitra ny fisakaizana amin' izao tontolo izao, **Jak.** 4:4. Amin' izay andro izay, dia hitsahatra eo anoloan' ny tavako ny fandrafiana, **F&F** 101:26.

FANDRAISANA HO

MPIKAMBANA. *Jereo*

Fametrahan-tanana

FANDRIAMPAHALEMANA. *Jereo*

koa Arivotaona; Fitsaharana;

Mpampihavana

Tsy fisian' ny fifandirana sy ny hotakotaka.

Fahafahana amin' ny fifandirana sy ny hotakotaka: Mampitsahatra ny ady Izy, **Sal.** 46:9. Tsy hianatra ady intsony izy ireo, **Isa.** 2:4. Ataovy izay hihavananareo amin' ny olona rehetra; aza mamaly ratsy, **Rom.** 12:18–21. Mbola nisy fandriampahalemana teo amin' ny tany, **4 Ne.** 1:4, 15–20. Lavo ny ady ary torio ny fandriampahalemana, **F&F** 98:16. Atsangano ny fanevan' ny fandriampahalemana, **F&F** 105:39.

FANEHOANA AN' OHATRA

Fampiasana zavatra iray ho toy ny tandindona na sarin' ny zavatra iray hafa. Ao amin' ny soratra masina, ny fanehoana an' ohatra dia mampiasa fitaovana na zava-mitranga na zava-misy mahazatra ho enti-maneho fitsipika na fampianaran' ny filazantsara. Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ohatra, ny mpaminany Almà dia mampiasa ny voa ho enti-maneho ny tenin' Andriamanitra (Almà 32).

Nampiasa fanehoana an' ohatra ireo mpaminany ao amin' ny soratra masina hampianarana mikasika an' i Jesoa Kristy. Ny sasany amin' ireo sariohatra

ireo dia mirakitra ny fombafomba sy ôrdônansy (Mos. 6:63), ny sorona (Heb. 9:11–15; Mos. 5:7–8), ny fanasan' ny Tompo (Lio. 22:13–20; DJS, Mar. 14:20–24), ary ny batisa (Rom. 6:1–6; F&F 128:12–13). Maro amin' ireo anarana ao amin' ny Baiboly no fanehoana an' ohatra. Maneho fahamarihana mandrakizay ny fombafomban' ny tabernakely sy ny lalàn' i Mosesy ao amin' ny Testamenta Taloha (Heb. 8–10; Môsià 13:29–32; Almà 25:15; Hel. 8:14–15). Ny amin' ny ohatra hafa, jereo, Mat. 5:13–16; Jao. 3:14–15; Jkb. 4:5; Almà 37:38–45.

FANEKEM-PINOANA. *Jereo koa*

Smith, Joseph, zanany; Voahangy Lafo Vidy

Foto-kevitra telo ambin' ny folo izay inoan' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Taratasy nosoratan' i Joseph Smith ho an' i John Wentworth, mpamoaka ny gazety *Chicago Democrat* izany tamin' ny voalohany, ho valin' ny fangatahany te hahafantatra izay inoan' ny Fiangonana. Nanjary fantatra tamin' ny hoe taratasin' i Wentworth ilay taratasy ary navoaka tao amin' ny *Times and Seasons* ny volana Marsa 1842. Nekena ampahibemaso ho toy ny soratra masina ny Fiekem-pinoana ny 10 Ôktôbra 1880, tamin' ny alalan' ny fandanian' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana izany, ary natsofoka ho isan' ny Voahangy Lafo Vidy.

FANEKEMPIHAVANAN' I

ABRAHAMA. *Jereo koa*

Abrahamana; Famorana;
Fanekepihavanana

Nandray ny filazantsara i Abrahamana ary natokana ho amin' ny fisoronana avo (F&F 84:14; Abr. 2:11), sady niditra tao amin' ny fanambadiana selesialy izy, izay ny fanekepihavanan' ny fisandratana (F&F 131:1–4, 132:19, 29). Azon' i Abrahamana ny fampanantenana fa ireo fitahiana rehetra avy amin' ireo fanekepihavanana ireo

dia hatolotra ho an' ny taranany eto an-tany (F&F 132:29–31; Abr. 2:6–11). Ireo fanekepihavanana sy fampanantenana ireo miaraka no atao hoe fanekepihavanan' i Abrahamana. Ny famerenana indray io fanekepihavanana io no famerenana ny filazantsara amin' ny laoniny amin' ny Andro Farany, fa amin' ny alalan' izany no itahiana ny firenena rehetra eran-tany (Gal. 3:8–9, 29; F&F 110:12; 124:58; Abr. 2:10–11).

FANEKEMPIHAVANANA. *Jereo*

koa Fanekepihavanan' i

Abrahamana; Fanekepihavanana

Vaovao sy Maharitra Mandrakizay;

Fianianana; Fianianana sy

Fanekepihavanan' ny Fisoronana

Fifanekena amin' Andriamanitra sy ny olona saingy tsy mitovy ny anjara raisiny ao amin' ny fifanekena. Andriamanitra no manome ny fepetran' ny fanekepihavanana ka manaiky ny hanao izay angatahiny ny olona. Ampanantenain' Andriamanitra ho an' ny olona amin' izany ireo fitahiana sasantsasany noho ny fankatoavany.

Raisina amin' ny alalan' ny fanekepihavanana ireo fitsipika sy ôrdônansy. Ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana, izay manao izany fanekepihavanana izany, dia mampanantena ny hanaja azy ireny. Mifanaiky amin' ny Tompo ohatra ny mpikambana amin' ny batisa ary dia manavao ireo fanekepihavanana ireo izy amin' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo. Manao fanekepihavanana hafa ihany koa izy any amin' ny tempoly. Vahoa-kan' ny fanekepihavanana ny vahoa-kan' ny Tompo, ary tahina fatratra tokoa izy rehefa mitandrana ny fanekepihavanana nataony tamin' ny Tompo.

Aminao no haoriko ny fanekepihavanako, **Gen.** 6:18. Tandremo ny fanekepihavanako dia ho rakitra soa ianareo, **Eks.** 19:5. Aza manao fanekepihavanana aminy na amin' ny andriamaniny, **Eks.** 23:32. Hotandremoana ho fanekepihavanana

mandrakizay ny Sabata, **Eks.** 31:16. Tsy horavako na oviana na oviana ny fane-kempihavanako nataoko taminao, **Mpits.** 2:1. Efa nanao fane-kempihavanana tamiko tamin' ny sorona ny Olo-masiko, **Sal.** 50:5 (F&F 97:8). Mahatsiaro ny fane-kempihavanana masiny, **Lio.** 1:72 (F&F 90:24). Nidina tamin' ny vahoakan' ny fane-kempihavanana' ny Tompo ny herin' Andriamanitra, **1 Ne.** 14:14. Ny fane-kempihavanana natao tamin' i Abrahama dia ho tanteraka amin' ny andro farany, **1 Ne.** 15:18 (3 Ne. 16:5, 11–12; 21:7; Môrm. 9:37). Vonona ny hanao fane-kempihavanana amin' Andriamanitra ny vahoakan' i Benjamina mpanjaka, mba hanao ny sitrapony, **Môsià** 5:5. Ny batisa dia vavolombelona fa efa nanao fane-kempihavanana tamin' Andriamanitra ny olona iray mba hanao ny sitrapony, **Môsià** 18:13. Zanaky ny fanakempihavanana ianareo, **3 Ne.** 20:25–26. Ireo anjely dia manatanteraka sy manao ny asan' ny fane-kempihavanana' ny Ray, **Môrô.** 7:31. Ny fandatsahana ny ran' i Kristy no fane-kempihavanana, **Môrô.** 10:33. Ny olona tsirairay izay ao anatin' ity Fiangonan' i Kristy ity dia hiezaka ny hitandrina ny fane-kempihavanana rehetra, **F&F** 42:78. Sambatra ireo izay nitana ny fane-kempihavanana, **F&F** 54:6. Izay mandrava ity fane-kempihavanana ity dia hamery ny anjara fanompoany sy ny toerany ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 78:11–12. Ireo rehetra izay mandray ny fisoronana dia mandray ity fianianana sy fane-kempihavanana ity, **F&F** 84:39–40. Vonona ny hitandrina ny fane-kempihavanany amin' ny alalan' ny fahafoizan-tena izy ireo, **F&F** 97:8. Ny fane-kempihavanana' ny fanambadiana dia mety haharitra mandrakizay, **F&F** 132. Izao no ho fane-kampihavanana eo amintsika fa isika handeha araka ny ôrdônansy rehetra, **F&F** 136:4.

FANEKEMPIHAVANANA MAHARITRA MANDRAKIZAY.

Jereo Fane-kempihavanana;
Fane-kempihavanana Vaovao sy
Maharitra Mandrakizay

FANEKEMPIHAVANANA VAOVAO SY MAHARITRA MANDRAKIZAY. *Jereo* koa Fane-kempihavanana

Ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy (F&F 66:2). Vaovao izy isaky ny ampahafantarina indray aorian' ny fotoana iray nisian' ny apôstazia. Maharitra mandrakizay izy noho izy fane-kempihavanana' Andriamanitra sady nisy tamin' ny fotoampitantanan' ny filazantsara rehetra isaky ny nanaiky handray azy ny olona. Nambaran' i Jesoa Kristy indray tamin' ny olona eto an-tany tamin' ny alalalan' ny mpaminany Joseph Smith ny fane-kempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay. Mirakitra ôrdônansy masina izay tanterahin' ny fahefan' ny fisoronana izy, ka isan' izany ny batisa sy ny fanambadiana any amin' ny tempoly, izay manome ny olona famonjena, tsy fahafatesana ary fiainana mandrakizay. Rehefa manaiky ny filazantsara sy mampanantena ny hitandrina ny didin' Andriamanitra ny olona, dia manao fanekena aminy ny hanome azy ny fitahian' ny fane-kempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay Andriamanitra.

Haoriko ny fanekeko ho Amiko sy ho aminao, **Gen.** 17:7. Izy no hanana ny fane-kempihavanana' ny fisoronana maharitra mandrakizay, **Nom.** 25:13. Nanova ny ôrdônansy sy nivadika tamin' ny fane-kempihavanana maharitra mandrakizay ny vahoaka, **Isa.** 24:5 (F&F 1:15). Hanao fane-kempihavanana maharitra mandrakizay aminareo Aho, **Isa.** 55:3 (Jer. 32:40). Ho fane-kempihavanana maharitra mandrakizay izany, **Ezek.** 37:26. Nanao fanekena vaovao ny Tompo ary efa lasa ny voalohany, **Heb.** 8:13. I Jesoa no mpanalalana amin' ny fanekena vaovao, **Heb.** 12:24 (F&F 76:69). Izao dia fane-kempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay, **F&F** 22:1. Nalefako ny fane-kempihavanako maharitra mandrakizay ho eo amin' izao tontolo izao, **F&F** 45:9 (F&F 49:9). Nalefan' ny Tompo ny

fahafenoan' ny filazantsarany, ny fanekempihavanany maharitra mandrakizay, **F&F** 66:2 (**F&F** 133:57). Mba hahazoana ny avo indrindra ao amin' ny fanjakana selestialy, dia tsy maintsy miditra ao amin' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain' ny fanambadiana ny olona, **F&F** 131:1–2. Ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay dia najoro ho fahafenoan' ny voninahitr' Andriamanitra, **F&F** 132:6, 19.

FANEKEN' NY REHETRA. *Jereo koa*
Fanohanana ireo Mpitondra ny
Fiangonana; Fiangonan' i Jesoa
Kristy

Fitsipika izay anohanana' ny mpikambana amin' ny Fiangonana an' ireo voantso hanompo ao amin' ny Fiangonana, mbamin' ireo fanapahan-kevitra hafa an' ny Fiangonana ka mila ny fanohanana ary aseho araka ny mahazatra amin' ny fananganana ny tanana ankavanana.

Jesoa Kristy no mijoro ho lohan' ny Fiangonany. Amin' ny alalan' ny fitaoman' ny Fanahy Masina no itantanany an' ireo mpitondra ny Fiangonana amin' ny asa na fanapahan-kevitra lehibe. Ny mpikambana rehetra anefa dia manana zo sy tombontsoa hanohana na tsia ny asa sy ny fanapahan-kevitr' ireo mpitondra azy.

Namaly indray niredona ny olona rehetra, **Eks.** 24:3 (**Nom.** 27:18–19). Nifanara-kevitra ny Apostoly sy ny loholona, **Asa** 15:25. Tsy misy olona tokony hatokana raha tsy misy ny fandanian' ny Fiangonana azy, **F&F** 20:65–66. Ny zava-drehetra dia tokony hatao amin' ny alalan' ny faneken' ny rehetra, **F&F** 26:2 (**F&F** 28:13). Aoka ny zavatra rehetra hatao amin' ny alalan' ny fanekena iraisana, **F&F** 104:21.

FANENDRENA MIALOHA. *Jereo*
Fanokanana Mialoha

FANENJEHANA. *Jereo koa* Fahoriana

Mitondra tebiteby na fanaintainana ho an' ny hafa noho ny finoany na ny toera-

ny eo amin' ny fiarahamonina, mame-
lively na manao tsindry hazo lena.

Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana, **Mat.** 5:10 (3 **Ne.** 12:10). Miavavaha ho an' izay manenjika anareo, **Mat.** 5:44 (3 **Ne.** 12:44). Noho ny hareny, dia manenjika ny malemy fanahy izy, 2 **Ne.** 9:30 (2 **Ne.** 28:12–13). Ny marina izay miandrindra an' i Kristy, na dia eo aza ny fanenjehana rehetra, dia tsy ho faty, 2 **Ne.** 26:8. Ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao fahaizamanao, **F&F** 122:7.

FANERENA. *Jereo* Manery

FANESORANA TSY HO
MPIKAMBANA. *Jereo koa*
Apôstazia; Fikomiana

Fandroahana olona hiala amin' ny Fiangonana sy fanalana aminy ny zo sy ny tombontsoa rehetra maha-mpikambana azy. Ireo manampahefan' ny Fiangonana dia tsy manaisotra olona hiala amin' ny Fiangonana raha tsy efa nifidy ny hiaina mifanohitra amin' ny didin' ny Tompo izy ka nametraka ny tenany noho izany tsy ho mpikambana intsony ao amin' ny Fiangonana.

Nihamafy ny fon' ny maro ary novonoina ny anarany, **Almà** 1:24 (**Almà** 6:3). Raha tsy mibebaka izy dia tsy horaisina ho isan' ny oloko, 3 **Ne.** 18:31 (**Môsià** 26). Horoahina hiala ny mpanitsakitsabady tsy mibebaka, **F&F** 42:24. Izay manota ka tsy mibebaka dia horoahina hiala, **F&F** 42:28. Omena ny fitsipipitondrana handaminana ireo raharaha sarotra ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 102 (**F&F** 42:80–93). Voatendry ho mpi-tsara amin' ny Isiraely ny eveka, **F&F** 107:72. Ireo fikambanam-pivavahana dia manana zo hanitsy ny fitondrante-na mamoafady ataon' ny mpikambana, **F&F** 134:10.

FANETREN-TENA. *Jereo koa*
Fahalemena; Fiavonavona; Fo
Torotoro; Halemam-panahy;
Mahantra

Izay mahatonga ny olona ho malemy

fanahy sy ho azo anarina na ny toetry ny olona malemy fanahy sy azo anarina. Ao anatin' ny fanetren-tena ny fiekena ny fiantehantsika amin' Andriamanitra sy ny faniriansika hanoa ny sitrapony.

Nitondra efapolo taona tany an' efitra Andriamanitra hampanetry tena anao, **Deot.** 8:2. Nampanetry ny tenako tamin' ny fifadian-kanina aho, **Sal.** 35:13. Aleo zatovo malahelo hendry toy izay mpanjaka antitra adala, **Mpito.** 4:13. Ny Tompo dia monina ao amin' izay manetry tena, **Isa.** 57:15. Na zovy na zovy no hanetry ny tenany tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra, **Mat.** 18:4. Izay manetry tena no hasandratra, **Mat.** 23:12 (Lio. 14:11; 18:14). Nanetry tena i Jesoa ka nanaiky hatramin' ny fahafatesana, **Filip.** 2:8 (Lio 22:42; 23:46). Manohitra ny mpiavonavona Andriamanitra fa manome fahasovana ho an' ny manetry tena, **1 Pet.** 5:5-6 (2 Ne. 9:42). Manetre tena ao amin' ny fanetren-tena lalina, **Môsià** 4:11 (2 Ne. 9:42; 3 Ne. 12:2). Ampy va ny fanetren-tenanareo? **Almà** 5:27-28. Ny ampahany nanetry tena kokoa tamin' ny vahoaka dia nanjary nahery kokoa tao amin' ny fanetren-tenany, **Hel.** 3:33-35. Omeko ho an' ny olona ny fahalemena mba hahazoany mie-try, **Ete.** 12:27. Ahazoana mandray ho amin' ny batisa ny fanetren-tena, **F&F** 20:37. Manetre tena eo anoloako ianareo dia hahita Ahy ary hahafantatra fa Izy Aho, **F&F** 67:10. Aoka ianao hanetry tena, dia homen' ny Tompo valiny ny fivavakao, **F&F** 112:10. Aoka izay tsy manam-pahalalana hianatra fahendrena amin' ny fanetrena ny tenany, **F&F** 136:32. Ny Fanahy dia alefa mba hanazava ny manetry tena, **F&F** 136:33.

FANEVA

Ao amin' ny Soratra Masina: saina, izay mampivondrona ny vahoaka noho ny tanjona na ny toetra iraisana. Tamin' ny fahagolan-tany, dia nampiasaina ny faneva ho famoriana

ny miaramila an' ady. Ny Bokin' i Môrmôna sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy dia toy ny faneva ho an' ny firenena rehetra eto an-tany.

Hanangana faneva ho an' ireo firenena Izy, **Isa.** 5:26 (2 Ne. 15:26). Ny fakan' i Jesè iray dia hitsangana ho faneva, **Isa.** 11:10 (2 Ne. 21:10; F&F 113:6). Atsangano ny fanevan' ny fandriampahalemana, **F&F** 105:39.

FANEVAN' NY FAHAFAHANA.

Jereo koa Môrônia, Kapiteny

Faneva natsangan' i Môrônia, lehiben' ny tafika Nefita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nanao faneva i Môrônia hanosika ny vahoaka Nefita hiaro ny fivavahany, ny fahafahany, ny fandriampahalemany ary ny fianakaviany.

Nanao fanevan' ny fahafahana avy amin' ny vorotry ny kapaotiny i Môrônia, **Almà** 46:12-13. Nanao fane-kempihavanana ireo izay te hitana ny faneva, **Almà** 46:20-22. Nasain' i Môrônia natsangana teny amin' ny tilikambo tsirairay ilay faneva, **Almà** 46:36 (Almà 51:20).

FANEVATEVANA. *Jereo Manevateva*

FANGORAHANA. *Jereo koa*

Famindram-po; Fiantrana; Fitiavana

Ny hevitra ara-bakiteny ny hoe fangorahana ao amin' ny soratra masina dia "miaraka ory." Ny heviny koa dia ny hoe maneho fo onena, alahelo, ary famindram-po amin' ny hafa.

Niantso ny olony ny Tompo mba haneho fangorahana, **Zak.** 7:8-10. Nentanin' ny fangorahana i Jesoa, **Mat.** 9:36 (Mat. 20:34; Mar. 1:41; Lio. 7:13). Nangoraka azy ny Samaritanina iray, **Lio.** 10:33. Miaraha ory, **1 Pet.** 3:8. Heniky ny fangorahana ny zanak' olombelona i Kristy, **Môsià** 15:9. Heniky ny fangorahana anareo ny kiboko, **3 Ne.** 17:6. Nitalaho ny fangorahan' ny Tompo i Joseph Smith, **F&F** 121:3-5.

FANIRATSIRANA. *Jereo koa*

Manevateva

Tsy fanajana na fanamavoana ny zavatra masina, indrindra ny tsy fanajana ny anaran' Andriamanitra.

Aza manonona foana ny anaran' ny Tompo Andriamanitrao, **Eks.** 20:7 (2 Ne. 26:32; Môsîà 13:15; F&F 136:21). Nahoana no mamadika ny fanekena tamin' ny razantsika isika? **Mal.** 2:10. Hampamoahina ny olona amin' ny andro fitsarana noho ny amin' ny teny foana rehetra izay ataony, **Mat.** 12:34–37. Ny vava iray ihany no ivohan' ny fisaorana sy ny fanozonana, izay tsy mety raha misy izany, **Jak.** 3:10. Hanameloka antsika ny tenintsika, **Almà** 12:14 (Môsîà 4:30). Aoka ny olon-drehetra hitandrina amin' ny fomba hanononany ny anarako eo amin' ny molony, **F&F** 63:61–62.

FANITSAKITSAHAM-BADY. *Jereo*

koa Fahadiavam-pitondrantena; Fijangajangana; Fitondrantena maloto; Manarana ny filan' ny nofo; Sodomita

Firaisana ara-nofo tsy ara-dalàna eo amin' ny lahy sy vavy. Na dia manondro ny firaisana ara-nofo eo amin' ny olona iray efa manambady sy ny olona iray hafa ankoatra ny vadiny aza amin' ny akapobeny ny hoe fanitsakitsaham-bady, dia mety hanondro koa ny olona tsy manambady izany ao amin' ny Soratra Masina.

Indraindray dia ampiasaina ny hoe fanitsakitsaham-bady ho toy ny teny an' ohatra ilazana ny fialan' ny firenena iray na ny vahoaka iray manontolo amin' ny lalan' ny Tompo (Nom. 25:1–3; Ezek. 16:15–59; Jer. 3:6–10; Hosea 4).

Tsy hanao izany faharatsiana lehibe izany i Josefa ka hanota amin' Andriamanitra, **Gen.** 39:7–12. Tsy hanitsakitsa-bady ianao, **Eks.** 20:14. Na zovy na zovy no mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga tao am-pony, **Mat.** 5:28. Na ny mpijangajanga na ny mpanitsakitsa-bady dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.**

6:9–10. Hitsara ny mpijangajanga sy ny mpanitsakitsa-bady Andriamanitra, **Heb.** 13:4. Ny fanitsakitsaham-bady dia fahavetavetana indrindra amin' ny fahotana rehetra, afa-tsy ny fandatsahana ny ran' ny tsy manan-tsiny na ny fandavana ny Fanahy Masina, **Almà.** 39:3–5. Izay manitsakitsa-bady ka tsy mibebaka dia ho-roahina hiala, **F&F** 42:23–26. Raha misy manitsakitsa-bady ao am-pony dia tsy hanana ny Fanahy izy, **F&F** 63:14–16.

FANJAKAN' ANDRIAMANITRA NA FANJAKAN' NY LANITRA.*Jereo koa* Fiangonan' i Jesoa

Kristy; Voninahitra Selestialy

Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany (**F&F** 65). Ny tanjon' ny Fiangonana dia ny hanomana ireo mpikambana ao aminy hiaina mandrakizay ao amin' ny fanjakana selestialy na fanjakan' ny lanitra. Indraindray anefa ny soratra masina dia miantso ny Fiangonana ho fanjakan' ny lanitra, izay midika fa ny Fiangonana no fanjakan' ny lanitra eto an-tany.

Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany, saingy voafetra ho fanjakana ara-pivavahana ihany izany ankehitriny. Mandritra ny Arivotaona, dia ho fanjakana sady ara-pôlitika no ara-pivavahana ny fanjakan' Andriamanitra.

Jehovah no Mpanjaka mandrakizay doria, **Sal.** 10:16 (**Sal.** 11:4). Ny Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay, **Dan.** 2:44 (**F&F** 138:44). Mibebaha hianareo fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra, **Mat.** 3:2 (**Mat.** 4:17). Ho tonga anie ny fanjakanao; hatao anie ny sitraponao ety an-tany, **Mat.** 6:10. Katsaho aloha ny fanjakan' Andriamanitra, **Mat.** 6:33 (3 Ne. 13:33). Homeko anao ny fanalahidin' ny fanjakana, **Mat.** 16:19. Avia, mandovà ny fanjakanao izay voaomana ho anareo, **Mat.** 25:34.

Amin' ny fotoana hiarahako mandray ny fanasan' ny Tompo aminareo any amin' ny fanjakan' ny Raiko, **Mat.** 26:26–29. Hahita ny mpaminany rehetra eo amin' ny fanjakan' Andriamanitra hianareo, **Lio.** 13:28. Ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.** 6:9. Ny nofo aman-dra tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.** 15:50. Mialohan' ny hikatsahanareo harena, dia katsahonareo ny fanjakan' Andriamanitra, **Jkb.** 2:18. Tsy misy zavatra tsy madio afaka mandova ny fanjakan' ny lanitra, **Almà** 11:37. Mba hahazoanao miara-miala sasatra aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko, **F&F** 15:6. Ianareo no nanomezana ny fanalahidin' ny fiangonana, **F&F** 42:69 (**F&F** 65:2). Enga anie ka handroso ny fanjakan' Andriamanitra, mba hahatongavan' ny fanjakan' ny lanitra, **F&F** 65:5–6. Ny fanalahidin' ity fanjakana ity dia tsy hoesorina na oviana na oviana aminao, **F&F** 90:3. Izay mandray anao tahaka ny ankizy madinika dia mandray ny fanjakako, **F&F** 99:3. Toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin' ny andro farany, dia Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, **F&F** 115:4. Nosokafana ny lanitra ka tazako ny fanjakana selestialin' Andriamanitra, **F&F** 137:1–4.

FANJAKANA ROMANA. *Jereo koa* Roma

Ny fanjakan' i Roma fahizay. Tamin' ny andron' ny apostoly dia ny fanjakana Romana no hany fanjakana lehibe teto an-tany. Tafiditra tao anatiny ny tany rehetra teo anelanelan' ny Eofrata, ny Danioba, ny Rina, ny Atlantika ary ny efitr' i Sahara. Lasa zanatany i Palestina tamin' ny 63 talohan' i Jesoa Kristy raha namabo an' i Jerosalema i Pompeo. Na dia nomen' ny Romana tombontsoa manokana aza ny Jiosy, dia nankahala ny Romana izy ary tsy tapaka nikomy.

I Paoly, izay olom-pirenena Romana, dia nampiasa ny teny Griika izay teny fampiasa indrindra teo amin' ny fanja-

kana, mba hanapariahana ny filazan-tsara manerana ny fanjakana.

Omeo an' i Kaisara izay an' i Kaisara, **Mat.** 22:17–22. Nitaky ny zony amin' ny maha-olompirenena Romana azy i Paoly, **Asa** 16:37–39 (**Asa** 22:25–29).

FANKAHALANA. *Jereo* Mankahala

FANKASITRAHANA. *Jereo* Misaotra

FANKATOAVANA. *Jereo* Mankatò

FANOHANANA IREO MPITONDRA NY

FIANGONANA. *Jereo koa* Faneken' ny Rehetra

Manome toky hanohana ireo izay manompo eo amin' ny toeran' ny mpitondra rehetra ao amin' ny Fiangonana.

Asaovy mijoro eo anatrehan' ny fiangonana i Josoa ka mandidia azy eo imasony hianao, **Nom.** 27:18–19. Dia nihoby ny vahoka rehetra ka nanao hoe: ho ela velona anie ny mpanjaka, **1 Sam.** 10:24. Minoana ny mpaminany dia hambinina ianareo, **2 Tan.** 20:20. Maneke ny mpitondra anareo, **Heb.** 13:17. Hahita sitraka amin' ny Tompo ianao, satria tsy mba nimonomonona ianao, **1 Ne.** 3:6. Ireo izay nandray ny mpaminany no notsimbinina, **3 Ne.** 10:12–13. Mampandria sofina amin' ny tenin' ireto roa ambin' ny folo ireto, **3 Ne.** 12:1. Na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany, **F&F** 1:38. Ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin' ny vavako ireny, **F&F** 21:5. Izay mandray ireo mpanompoko dia mandray Ahy, **F&F** 84:35–38. Na zovy na zovy mandray Ahy dia mandray ireo izay efa nirahako, **F&F** 112:20. Raha tsy mihaino ny feon' ireo mpanompoko izay efa notendreko ny vahoakako, dia tsy hotahiana izy, **F&F** 124:45–46.

FANO HARANA. *Jereo koa* Filazantsara—Firindran' ny Filazantsara

Tantara tsotra enti-maneho sy mam-

pianatra fahamarinana na fitsipika ara-panahy. Ny fanoharana dia mifototra amin' ny fampitahana fahamarinana iray amin' ny zavatra na fitrangan-javatra fahita an-davanandro, ka matetika no mifaina amin' ireo mpihaino izay tsy vonona ara-panahy ny handray azy ny hevitra na hafatra fonosin' ilay fanoharana (Mat. 13:10–17).

Nampianatra tamin' ny fanoharana i Jesoa matetika. Jereo ao amin' ny "Filazantsara" ny lisitr' ireo fanoharana fototra nomeny.

FANOHERANA. *Jereo Fahoriana*

FANOKANANA. *Jereo koa Anjara Fanompoana; Antso; Fahefana; Fametrahan-tanana; Fisoronana*

Manendry na manolotra fahefana, na koa anjara fanompoana ny olona iray. Mba hahafahany mampiasa fahefana ao amin' ny Fiangonan' ny Tompo, dia tsy maintsy antsoin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminaniana sy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanan' ireo izay manana fahefana ny olona (Fp. 1:5). Na dia afaka hahazo fahefana amin' ny alalan' ny fanokanana aza ny olona iray, dia eo ambany fitarihan' ireo izay mihazona ny fanalahidy manokana momba izany fahefana izany no ampiasany azy.

Nohamasiniko ho mpaminany ho an' ny firenena ianao, **Jer.** 1:5. Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo, **Jao.** 15:16. Almà dia nanendry mpisorona rehefa nahazo fahefana avy tamin' Andriamanitra, **Môsià** 18:18. Atokana amin' ny fisoronana avo miaraka amin' ny ôrdônansy masina ny olona, **Almà** 13:1–9. Niantso sy nanokana mpianatra roa ambin' ny folo i Jesoa, **3 Ne.** 12:1. Nanokana mpisorona sy mpampianatra amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana ireo loholona, **Môrô.** 3:1–4. Miandrasa kely aloha ianao satria tsy mbola voatokana, **F&F** 5:17. Natokana ho Apostolin' i Jesoa Kristy i Joseph Smith, **F&F** 20:2 (F&F 27:12). Tsy misy olona tokony hatokana raha tsy nandalo ny fifidia-

nan' ny Fiangonana, **F&F** 20:65. Tsy homena na iza na iza ny handeha hitory ny filazantsarako, raha tsy natokan' ny olona izay manana fahefana izy, **F&F** 42:11. Natokana ireo loholona mba hitory ny filazantsarako, **F&F** 50:13–18. Andraikitra ny Roambinifololahy koa ny manokana sy ny mandamina ireo mpitarika hafa rehetra ao amin' ny fiangonana, **F&F** 107:58. Nokatsahiko ny fitahian' ireo ray sy ny zo izay tokony hanokanana ahy, **Abr.** 1:2. Nifanokana tamin' ny fisoronana Aharôna i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery, **JS—T** 1:68–72.

FANOKANANA AMIN' NY

FISORONANA. *Jereo Fanokanana*

FANOKANANA MIALOHA. *Jereo*

koa Fiainana Talohan' ny Fiainana An-tany

Ny fanokanan' Andriamanitra mialoha ireo zanany ara-panahy mahafatra-po mba hahatanteraka ny asa anirahana sasantsany mandritra ny fiainany etỳ an-tany.

Nomen' Andriamanitra ny zara taniny ny olona, **Deot.** 32:8. Talohan' ny namoronako anao tao an-kibo no efa nanokanako anao ho mpaminany, **Jer.** 1:5. Andriamanitra no namaritra ny fotoana efa voatendry mialoha, **Asa** 17:26. Fa izay fantany mialoha no notendreny mialoha koa, **Rom.** 8:28–30. Efa nifidy antsika tao aminy Izy talohan' ny fanorenan' izao tontolo izao, **Ef.** 1:3–4. Efa voatokana mialoha i Jesoa Kristy mba ho Mpanavotra, **1 Pet.** 1:19–20 (Fan. 13:8). Efa voantso sy voaomana talohan' ny fanorenan' izao tontolo izao izy ireo, **Almà** 13:1–9. Tazako ireo olona ambony sy manan-kaja izay efa voafidy tany am-piandohana, **F&F** 138:55–56. Efa voafidy hatrany am-piandohana ny Zanaka Malalako, **Mos.** 4:2. Efa voafidy talohan' ny nahaterahany i Abrahama, **Abr.** 3:23.

FANOMBOANA. *Jereo koa Golgota;*

Hazofijaliana; Jesoa Kristy;

Sorompanavotana

Fomba Romana nenti-namonoana olo-

na, fahita nandritra ny fotoan' ny Testamenta Vaovao, ka tamin' izany dia nafatotra na nofantsihana teo amin' ny hazofijaliana ny tanana sy ny tongotry ny olona hovanoina ho faty. Mandrakariva dia ireo andevo na ireo mpamono olona gaigilahy no nampiharana izany. Nialohavan' ny fikapohana na ny fikaravasiana mazàna ny fanomboana (Mar. 15:15). Ny olona izay hohomboana dia mazàna nampitondraina ny hazofijaliany ho any amin' ny toerana hamonoana azy (Jao. 19:16–17). Ny akanjony mazàna dia nalain' ireo miaramila izay nanatantarakana ny didim-pitsarana (Mat. 27:35). Natsatoka tamin' ny tany ny hazofijaliana hany ka ny tongotry ny voahombo dia teo amin' ny telopolo na enimpolo santimetatra fotsiny tambonin' ny tany. Nambenan' ny miaramila ilay olona teo amin' ny hazofijaliana mandra-pahafatiny, ka indraindray dia mandany telo andro izany (Jao. 19:31–37).

Nohomboana i Jesoa Kristy, satria nisy andian' olona tsy mpino, izay nanao fiampangana diso, ka nitoroka Azy ho nikomy tamin' i Kaisara sady nanevateva noho Izy nilaza ho Zanak' Andriamanitra. Nomena an' i Jesoa ny lamba jaky (Jao. 19:2), ny fehiloaha tsilo ary ireo faniratsirana hafa (Mat. 26:67; Mar. 14:65).

Hanindrona ny tanana aman-tongotry ny Mesia ny olon-dratsy, **Sal.** 22:11–18. Handeha tahaka ny zanak' ondry entina hovanoina i Kristy, **Isa.** 53:7. Nilaza mialoha ny amin' ny hanomboana Azy i Jesoa, **Mat.** 20:18–19. Tantaraina ny fanomboana an' i Kristy, **Mat.** 27:22–50 (Mar. 15:22–37; Lio. 23:26–46; Jao. 19:17–30). Hitan' i Nefia tamin' ny fahitana ny fanomboana ny Zanakondrin' Andriamanitra, **1 Ne.** 11:33. Nilaza ny amin' ny fijaliana sy ny fanomboana an' i Kristy i Nefia, **1 Ne.** 19:9–14. Nilaza ny amin' ny asa fanompoana sy ny fanomboana ny Iray Masin' ny Isiraely, **2 Ne.** 6:9. Tany Amerika, dia tafio-drivotra, horohorontany, afo ary tadio no nanamarika

ny fanomboana an' i Kristy tao Jerosalema, **3 Ne.** 8. Izaho no Jesoa izay nohomboana, **F&F** 45:51–52. Ny asa fanompoan' i Kristy teo anivon' ireo fanahy tao an-tranomaizina dia voafetry ny fotoana nanelanelana ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin' ny maty, **F&F** 138:27.

FANOMEZAM-PAHASOAVANA.

Jereo koa Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy;
Fanomezana ny Fanahy Masina

Manome ny olona fitahiana sy fanomezana maro Andriamanitra.

Misy maro ny fanomezam-pahasoavam-panahy, **1 Kor.** 12:4–10. Katsaho fatratra ireo fanomezam-pahasoavana tsara indrindra, **1 Kor.** 12:31. Ny fanomezam-pahasoavana lavorary rehetra dia avy amin' Andriamanitra, **Jak.** 1:17. Ny herin' ny Fanahy Masina dia fanomezan' Andriamanitra, **1 Ne.** 10:17. Ireo izay milaza fa tsy misy ny fanomezam-pahasoavana dia tsy mahalala ny filazantsaran' i Kristy, **Môrm.** 9:7–8. Ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra dia avy amin' i Kristy, **Môrm.** 10:8–18. Ny fiainana mandrakizay no lehibe indrindra amin' ny fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra, **F&F** 14:7 (1 Ne. 15:36). Ny fanomezam-pahasoavana dia omena ho an' ireo izay tia ny Tompo, **F&F** 46:8–11. Ny rehetra dia tsy nanana ny fanomezam-pahasoavana rehetra omena ho azy ireo, **F&F** 46:11–29.

FANOMEZAM-PAHASOAVANA

HOENTI-MAMANTATRA. *Jereo koa* Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy

Ny mahatakatra na ny mahafantatra zavatra amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy. Ny fanomezam-pahasoavana hoenti-mamantatra dia anankiray amin' ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy, ka anatin' izany ny fahatsapana ny tena toetry ny olona sy ny loharano ipoiran' ny fanehoam-panahy, ary koa ny heviny.

Ny olona mijery ny etỳ ivelany fa ny Tompo kosa mijery ny fo, **1 Sam.** 16:7. Lozan' izay milaza ny ratsy ho tsara, **Isa.** 5:20 (2 Ne. 15:20). Amin' ny alalan' ny fanahy no amantarana ny zavatr' Andriamanitra, **1 Kor.** 2:14. Ny olona sasany dia omena ny fanomezam-pahasoavana hoenti-mamantatra ireo fanahy, **1 Kor.** 12:10. Afaka mamaky ny eritreriny i Amôna, **Almà** 18:18, 32. Ilay feo kely dia nanindrona ireo izay nandre izany, **3 Ne.** 11:3. Mba tsy hahatonga anareo ho voafitaka, dia katsaho ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra, **F&F** 46:8, 23. Omempahefana hamantatra ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy ireo mpitondra ny Fiangonana, **F&F** 46:27. Fa ny vatana izay feno hazavana dia mahatakatra ny zava-drehetra, **F&F** 88:67. Nahatazana ny tany i Mosesy sady namantatra izany tamin' ny alalan' ny Fanahin' Andriamanitra, **Mos.** 1:27.

FANOMEZAM-PAHASOAVAN'

NY FANAHY. *Jereo koa*

Fanomezam-pahasoavana

Fitahiam-panahy manokana omen' ny Tompo ny olona mendrika ho tombontsoany ihany sy ho azy mba hoampiasaina hitahiana ny hafa. Momba ny filazalazana an' ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy, dia diniho ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11–33; 1 Korintiana 12:1–12; Môrônia 10:8–18.

Maniria fatratra ireo fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra, **1 Kor.** 12:31 (1 Kor. 14:1). Nomena ny Nefita ny fanomezam-pahasoavana maro avy amin' ny Fanahy, **Almà** 9:21. Lozan' izay milaza fa tsy miasa intsony amin' ny alalan' ny fanomezam-pahasoavana na amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina ny Tompo, **3 Ne.** 29:6. Manome fanomezam-pahasoavana ho an' ny mahatoky Andriamanitra, **Môrm.** 9:7. Tonga amin' ny alalan' ny Fanahin' i Kristy ny fanomezam-pahasoavana, **Môrô.** 10:17. Misy maro ireo fanomezam-pahasoavana, ary omen' ny

Fanahy ny olona tsirairay ny fanomezam-pahasoavana iray, **F&F** 46:11. Omena ny mpitondra ny Fiangonana fahefana hamantatra an' ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy, **F&F** 46:27. Ananan' ny Filohan' ny Fiangonana avokoa ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra, **F&F** 107:92.

FANOMEZANA NY FANAHY

MASINA. *Jereo koa* Andriamanitra;

Fanahy Masina; Fanomezam-pahasoavana; Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy

Zon' ny mpikambana rehetra ao amin' ny Fiangonana, izay mendrika sady vita batisa, ny manana lalandava ny fitaoman' ny Fanahy Masina. Aorian' ny batisan' ny olona iray mba hidirany ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy, dia raisiny ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahantanana' ny olona izay manana ny fahefana marina (Asa 8:12–25; Môrô. 2:1–3; F&F 39:23). Ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina dia matetika lazaina ho toy ny batisa amin' ny afo (Mat. 3:11; F&F 19:31).

Didina ny olona mba hibe-baka, hatao batisa, ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina, **Asa** 2:38. Nanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina i Petera sy i Jaona tamin' ny alalan' ny fametrahantanana, **Asa** 8:14–22. Omena amin' ny alalan' ny fametrahantanana ny Fanahy Masina, **Asa** 19:2–6. Ny famelana ny fahotana dia tonga amin' ny alalan' ny afo sy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, **2 Ne.** 31:17. Isika mino ny fametrahantanana ho fanomezana ny Fanahy Masina, **Fp.** 1:4.

FANOMPOAN-TSAMPY

Ny fivavahana amin' ny sampy na ny fifikirana tafahoatra na ny fimatimatesana amin-javatra.

Tsy hanana andriamani-kafa eo anoloako ianao, **Eks** 20:3 (Môsià 12:35; 13:12–13). Raha manaraka andriamani-kafa ianareo, dia ho faty marina tokoa, **Deot.** 8:19. Ny di-doha dia tahaka ny

heloka sy ny fanompoan-tsampy, **1 Sam.** 15:23. Efa naneho ny tenanao tamin' ny iray hafa noho Izaho ianao, **Isa.** 57:8. Efa nankalaza andriamanitra volafotsy ianao, **Dan.** 5:23. Tsy afaka manompo an' Andriamanitra sy i Mamôna ianareo, **Mat.** 6:24. Fanompoan-tsampy ny fitsiriritana, **Kol.** 3:5. Rankizy, alaviro ny tenanareo ny sampy, **1 Jn.** 5:21. Lozan' ireo izay manompo sampy, **2 Ne.** 9:37. Ny fanompoan-tsampin' ny vahoakan' i Nefia no nahatonga teo aminy ny adiny sy ny famongorana azy, **Almà** 50:21. Samy manaraka ny endriky ny andriamaniny avy ny olona tsirairay, **F&F** 1:16. Aoka izy ireo hiasa amin' ny tanany ihany mba tsy hisy fanompoan-tsampy, **F&F** 52:39. Sodokan' ny fanompoan-tsampy ny rain' i Abrahamà, **Abr.** 1:27.

FANOMPOANA. *Jereo koa*

Fanampiana; Fisoronana

Fanaovana ny asan' ny Tompo eto antany. Tsy maintsy antsoin' Andriamanitra ireo mpanompo nofinidiny vao afaka hanompo ao amin' ny asany. Rehefa manao ny sitrapon' ny Tompo ireo mpanompony marina, dia misolo tena ny Tompo izy eo amin' ireo andriakiny ara-dalàna, sady miasa ho toy ny mpandraharahany (**F&F** 64:29), ka amin' izany, mitarika ny asa ilaina amin' ny famonjena ny zanak' olombelona. Ny Tompo dia nanome Apostoly, mpaminany, evanjelista, mpisorona avo, fitopololalahy, loholona, eveka, mpisorona, mpampianatra, diakona, mpampy, ary koa mpitondra, mba hahatanteraka ny olomasina, ho amin' ny asa fanompoana (**Ef.** 4:11–16; **1 Kor.** 12:12–28; **F&F** 20:107).

Izy no nofidin' ny Tompo hanao fanompoam-pivavahana amin' ny anaran' ny Tompo, **Deot.** 18:5. Fa ianareo no hatao hoe mpisoron' ny Tompo, **Isa.** 61:6. Ny Zanak' Olona tsy tonga mba ho tompoina fa mba hanompo, **Mat.** 20:26–28. Fa izao no nisehoako taminao, dia ny hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona, **Asa**

26:16–18. Andriamanitra tsy mba tsy marina hanadino ny asanareo sy ny fitiavana nasehonareo raha nanompo ny olomasina ianareo, **Heb.** 6:10. Raha misy olona manompo, dia aoka izy hanao izany araka ny hery izay nomen' Andriamanitra azy, **1 Pet.** 4:10–11. Ary nampianatra ireo, ka nifanompo izy samy izy, **3 Ne.** 26:19. Adidin' ny Roambinifololahy ny manokana ireo mpanompo ara-pilazantsara, **F&F** 107:39–40. Ny mpisorona avo dia azo atokana mba hitantana ny zavatr' izao fiainana izao, **F&F** 107:71–72. Ireo Fitopololalahy dia tokony ho mpanompo mpandehandeha, **F&F** 107:93–97. Ny loholona dia voatokana ho mpanompo maharitra amin' ny fiangonako, **F&F** 124:137.

FANOMPOANA. *Jereo koa* Asa

Fanasoavana; Fitiavana

Fikarakarana na asa atao ho tombontsoan' Andriamanitra sy ny hafa. Rehefa manompo ny hafa isika dia manompo an' Andriamanitra koa.

Fidionareo anio ary izay hotompoiareo, **Jos.** 24:15. Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko, **Mat.** 25:35–45. Atolory ny tenanareo ho fanatitra velona, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany, **Rom.** 12:1. Mifampanompoa amin' ny fitiavana, **Gal.** 5:13. Holaniana amin' ny fanompoana ny Andriamanitrao anie ny andronao, **2 Ne.** 2:3. Rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo, **Môsîà** 2:17. Ireo izay mizaka ny tany nampanantenaina dia hanompo an' Andriamanitra na hofaohana, **Ete.** 2:8–12. Ireo izay mirotsaka amin' ny fanompoana an' Andriamanitra dia tokony hanao izany amin' ny fo rehetra, **F&F** 4:2. Nomen' ny Tompo didy ny olona ho tia sy hanompo Azy, **F&F** 20:18–19. Hanompo an' Andriamanitra ianao amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, **F&F** 59:5. Izaho Tompo dia finaritry ny

hankalaza ireo izay manompo Ahy, **F&F** 76:5. Derao Andriamanitra fa Izy irery ihany no hotompoinao, **Mos.** 1:15.

FARAN' IZAO TONTOLO IZAO.

Jereo Izaio Tontolo Izaio—Faran' Izaio Tontolo Izaio

FARAO. *Jereo koa* Egypta; Egyptosa

Ny zanaka lahimatoan' i Egyptosa zanakavavin' i Hama (Abr. 1:25). Anaram-boninahitra nomena ireo mpanjaka Egyptiana ihany koa (Abr. 1:27).

FARARANO

Sary an' ohatra ihany indraindray no ampiasan' ny soratra masina ny teny hoe *fararano* mba hilazana ny fitondrana olona ho ao amin' ny Fiangonana, dia ny fanjakan' Andriamanitra etỳ an-tany, na ny fotoam-pitsarana, toy ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany.

Lasa ny fararano, tapitra ny taom-pio-tazana nefa tsy voavonjy isika, **Jer.** 8:20 (**F&F** 56:16). Be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy, **Mat.** 9:37. Ny fararano dia ny fahataperan' izao tontolo izao, **Mat.** 13:39. Izay afafin' ny olona ihany no hojinjainy, **Gal.** 6:7–9 (**F&F** 6:33). Efa masaka sahadry ny eny an-tsaha mba hojinjaina, **F&F** 4:4. Lasana ny fararano nefa tsy voavonjy ny fanahinareo, **F&F** 45:2. Tonga ny fotoam-pijinjana ary ny teniko tsy maintsy tanteraka, **F&F** 101:64.

FARISEO. *Jereo koa* Jiosy

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, antokom-pivavahana teo anivon' ny Jiosy izay mitondra anarana midika hoe misaraka na mitokana. Nandoka tena tamin' ny fanarahana amin' ny fomba hentitra ny lalàn' i Mosesy sy ny fisorohana izay zavatra rehetra mikasika ny Jentilisa ireo Fariseo. Nino ny fiainana aorian' ny fahafatesana, ny fitsanganana amin' ny maty ary ny fisian' ny anjely sy ny fanahy izy. Ninoany fa manan-danja mitovy amin' ny lalàna voasoratra ireo lalàna

lovan-tsofina sy ny fomba nentim-paharazana. Ny fampianarany dia mametra ny fivavahana ho fanarahana ireo lalàna ary mamporisika ny fieboeboana ara-panahy. Nahatonga ny vahoaka Jiosy maro hiahiahy ny amin' i Kristy sy ny filazantsarany izy ireo. Niampanga ny Fariseo sy ny asany ny Tompo ao amin' ny Matio 23 sy Marka 7:1–23 ary Lioka 11:37–44.

FASANA. *Jereo koa* Fitsanganana amin' ny Maty

Toeram-pandevenana ny vatana efa maty. Hatsangana amin' ny maty avy ao am-pasana ny olon-drehetra noho ny Sorompanavotana.

Nisokatra ireo fasana taorian' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty ary vatana maro no nitsangana tamin' ny maty, **Mat.** 27:52–53 (3 Ne. 23:9–13). Ry fasana ô, aiza ny fandresenao? **1 Kor.** 15:55. Tsy maintsy mamoka ny maty ao aminy ny fasana, **2 Ne.** 9:11–13. Hivoaka ireo izay efa natory tao am-pasana, **F&F** 88:97–98. Ny batistera dia tandindon' ny fasana, **F&F** 128:12–13.

FAYETTE, NEW YORK (ETAZONIA)

Faritany nisy ny toeram-piompiana amam-pambolen' i Peter Whitmer rainy, izay nanomezana ny Mpaminany Joseph Smith zanany fanambarana maro. Tao no nananganana ny Fiangonana ny 6 Aprily 1830 ary nandrenesana ny feon' ny Tompo (**F&F** 128:20).

FEO. *Jereo koa* Fanambarana

Araka izay ampiasaina ao amin' ny soratra masina, hafatra ren' ny sofina izay ambaran' ny Tompo na ny irany. Mety tsy ho ren' ny sofina koa ny feon' ny Fanahy fa mivantana amin' ny fo na ny saina.

Nandre ny feon' ny Tompo Andriamanitra i Adama sy Eva, **Gen.** 3:8 (**Mos.** 4:14). Tamin' ny feo nitsoka malemy no niresahan' ny Tompo tamin' i Elia, **1 Mpan.** 19:11–13. Ireo marina dia manaraka ny feon' ilay Mpiandry

ondry Tsara, **Jao.** 10:1–16. Izay rehetra avy amin' ny marina dia mihaino ny feoko, **Jao.** 18:37. Nankatò ny feon' ny Fanahy aho, **1 Ne.** 4:6–18. Ary nisy feo tonga tamiko, nanao hoe: Ry Enôsa, voavela ny fahotanao, **Enô.** 1:5. Izany dia feo malefaka sy tony tant-raka izay nandoaka na dia hatrany amin' ny aty fanahy aza, **Hel.** 5:29–33 (3 **Ne.** 11:3–7). Na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany, **F&F** 1:38. Na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentanana' ny Fanahy Masina dia hanjary feon' ny Tompo, **F&F** 68:2–4. Ny olona tsirairay izay mankatò ny feoko dia hahita ny tavako ary hahafantatra fa Izy Aho, **F&F** 93:1.

FIADANANA. *Jereo koa*

Arivotaona; Fitsaharana;
Mpampihavana

Fahatoniana anaty sy fiononana atera-ky ny Fanahy izay omen' Andriamanitra ny Ôlomasiny mahatoky.

Fiadanam-po avy amin' Andriamanitra ho an' ny mpankatò: Hantsoina hoe mpanjakan' ny fiadanana ny Mpanonjy, **Isa.** 9:6. Tsy misy fiadanana ho an' ny ratsy fanahy, **Isa.** 48:22. Nisy anjely marobe avy any an-danitra nidera an' Andriamanitra nanao hoe: Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra! ary fiadanana ho etỳ ambonin' ny tany, **Lio.** 2:13–14. Fiadanana no avelako ho anareo, **Jao.** 14:27. Ary ny fiadanana' Andriamanitra mihoatra noho ny fahalalana rehetra, **Filip.** 4:7. Nahazo fiadanana-tsaina ny vahoakan' i Benjamin mpanjaka, **Môsià** 4:3. Akory ny hatsaran' ny tongotr' irỳ mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra, **Môsià** 15:14–18 (**Isa.** 52:7). Nitalaho tamin' ny Tompo i Almà ary nahita fiadanana, **Almà** 38:8. Ny fana-hin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny toetry ny fahasambarana, **Almà** 40:12. Tsy nilaza fiadanana ho an' ny sainao va Aho momba io toejavatra io? **F&F** 6:23. Mandehana

amin' ny fahalemam-panahiko, dia hanana ny fiadanana ao Amiko ianao, **F&F** 19:23. Izay manao ny asan' ny fahamarinana dia handray fiadanana, **F&F** 59:23. Atafio ny tenanareo ny famatoran' ny fiantrana, dia ny famatoran' ny fahatanterahana sy ny fiadanana izany, **F&F** 88:125. Anaka, fiadanana anie ho an' ny fanahinao, **F&F** 121:7. Noho ny fahitana fa nisy fiadanana bebe kokoa ho ahy tamin' izany, dia nokatsahiko ny fitahian' ireo ray, **Abr.** 1:2.

FIADIDIANA. *Jereo* Fiadidiana Voalohany

FIADIDIANA VOALOHANY. *Jereo* *koa* Fanalahidin' ny Fisoronana; Fanambarana; Filoha

Ny Filohan' ny Fianganana mbamin' ireo mpanolotsainy. Izy ireo dia kôlejin' ireo mpisorona avo telo ary miahny ny Fianganana manontolo. Ny Fiadidiana Voalohany dia mihazona ireo fanalahidy rehetra an' ny fisoronana.

Ireo fanalahidin' ny fanjakana dia an' ny Fiadidian' ny Fisoronana Avo mandrakariva, **F&F** 81:2. Ny fiadidian' ny Fisoronana Avo dia manana zo hitarika eo amin' ny anjara fanompoana rehetra, **F&F** 107:9, 22. Na zovy na zovy no mandray Ahy dia mandray ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 112:20, 30. Ny Fiadidiana Voalohany no tokony hahazo ny didin' Andriamanitra [fanambarana] ho an' ny Fianganana manontolo, **F&F** 124:126.

FIAINANA. *Jereo koa* Fahazavana, Fahazavan' i Kristy; Fiainana Mandrakizay

Fisiana ara-batana sy ara-panahy izay misy noho ny herin' Andriamanitra.

Efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa, **Deot.** 30:15–20. Hampahafantatra ahy ny lalan' aina Hianao, **Sal.** 16:11. Izay fatra-panaraka fahamarinana dia hahazo fiainana, **Ohab.** 21:21. Izay mamonjy ny ainy no

hamery azy, ary izay mamery ny ainy noho ny amiko dia hahazo azy, **Mat.** 10:39 (**Mat.** 16:25; **Mar.** 8:35; **Lio.** 9:24; 17:33). Ny Zanak' Olona tsy tonga hahavery ny ain' olona, fa hamonjy azy, **Lio.** 9:56. Izy no nisiam-piainana, ary ny fiainana no fanazavana ny olona, **Jao.** 1:4 Izay mino ilay naniraka ahy dia tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana, **Jao.** 5:24. Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana, **Jao.** 14:6. Raha amin' izao fiainana izao ihany no anantenantsika an' i Kristy, dia mahantra indrindra noho ny olona rehetra isika, **1 Kor.** 15:19–22. Fa izay manana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra no manana ny teny fikasana ny amin' ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy koa, **1 Tim.** 4:8. Hahazoan' ny zanatsika miandrindra ny fiainana izay ao amin' i Kristy, **2 Ne.** 25:23–27. Izao fiainana izao no fotoana ho an' ny olona mba hiomanana hihaoana amin' Andriamanitra, **Almà** 34:32 (**Almà** 12:24). Izaho no fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao, **3 Ne.** 9:18 (**Môsà** 16:9; **3 Ne.** 11:11; **Ete.** 4:12). Sambatra izay mahatoky sy maharitra, na eo amin' ny fiainana na ao amin' ny fahafatesana, **F&F** 50:5. Izao no fiainana mandrakizay—dia ny mahafantatra an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy, **F&F** 132:24. Izao no asako sy voninahitra—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39.

FIAINANA MAHARITRA

MANDRAKIZAY. *Jereo* Fiainana Mandrakizay

FIAINANA MANDRAKIZAY. *Jereo* koa Fiainana; Fisandratana; Satroboninahitra; Sorompanavotana; Voninahitra Selestialy

Mandrakizay eo anivon' ny fianakaviana, fiainana eo anatrehan' Andriamanitra (**F&F** 132:19–20, 24, 55). Ny fiainana mandrakizay no fanomezana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra ho an' ny olombelona.

Ianao no manana ny tenin' ny fiainana

mandrakizay, **Jao.** 6:68. Izao no fiainana mandrakizay, dia ny mba hahafantarany Anao, ilay hany Andriamanitra marina, sy i Jesoa Kristy, **Jao.** 17:3 (**F&F** 132:24). Miadia ny ady tsaran' ny finoana, romba ho ny fiainana mandrakizay, **1 Tim.** 6:12. Afaka mifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay ny olona, **2 Ne.** 2:27 (**Hel.** 14:31). Ny fiheverana ny zavatra ny fanahy dia fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 9:39. Efa mbÿ amin' ny lalana ety izay mitondra any amin' ny fiainana mandrakizay ianareo amin' izany, **2 Ne.** 31:17–20. Ny mino an' i Kristy sy ny maharitra hatramin' ny farany no fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 33:4 (**3 Ne.** 15:9). Izay manana ny fiainana mandrakizay no manan-karena, **F&F** 6:7 (**F&F** 11:7). Ny fiainana mandrakizay no lehibe indrindra amin' ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra rehetra, **F&F** 14:7. (**Rom.** 6:23). Ny marina dia hahazo fiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy, **F&F** 59:23. Ireo izay maharitra hatramin' ny farany no hanana ny satroboninahitry ny fiainana mandrakizay, **F&F** 66:12 (**F&F** 75:5). Ireo izay maty tsy nanana ny filazantsara, nefa ho nandray izany raha velona teo, dia mpandova ny ranjakana selestialy, **F&F** 137:7–9. Ny asa sy ny voninahitra Andriamanitra dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39. Omen' Andriamanitra ny mpankato ny fiainana mandrakizay, **Mos.** 5:11.

FIAINANA METY MATY. *Jereo* Mety Maty

FIAINANA TALOHAN' NY

FIAINANA AN-TANY. *Jereo* koa

Ady tany An-danitra; Fiandohana; Fivoriana Tany An-danitra; Olona

Ny fiainana talohan' ny fiainana teto an-tany. Niaina niaraka tamin' Andriamanitra tamin' ny maha-fanahy zanany azy ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra talohan' ny niaviany teto an-tany ho

olona mety maty. Antsoina hoe ny toetra voalohany izany indraindray (Abr. 3:26).

Nihiaka fifaliana avokoa ny zanak' Andriamanitra rehefa nanorina ny tany Andriamanitra, **Joba** 38:4–7. Ny fanahy dia hiverina amin' Andriamanitra izay nanome izany, **Mpito.** 12:7. Hatry ny fony hianao mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro, **Jer.** 1:4–5. Fa terany avokoa isika, **Asa** 17:28. Andriamanitra efa nifidy antsika talohan' ny fanorenana izao tontolo izao, **Ef.** 1:3–4. Isika dia hanaiky ny Rain' ny fanahy, **Heb.** 12:9. Ireo anjely izay tsy mitana ny toetrany voalohany dia efa nomaniny ho amin' ny fatora-na maharitra mandrakizay, **Joda** 1:6 (Abr. 3:26). Nazera ny devoly sy ireo anjeliny, **Fan.** 12:9. Izy ireo dia efa nantsoina sy nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **Almà** 13:3. Kristy dia nibanjina ny velarana midadasiky ny mandrakizay, ary ny tafika rehetra an' ny serafiman' ny lanitra talohan' ny nanaovana izao tontolo izao, **F&F** 38:1. Niaraka tamin' Andriamanitra koa ny olombelona tany ampiandohana, **F&F** 93:29 (Hel. 14:17; **F&F** 49:17). Nofinidy tany ampiandohana mba ho mpanapaka ao amin' ny Fiangonana ireo fanahy ambony, **F&F** 138:53–55. Maro tamin' ireo no nandray ny lesona voalohany tao amin' ny tontolon' ny fanahy, **F&F** 138:56. Nohariana ara-panahy ny zavatra rehetra talohan' ny nisiany ara-batana teto ambonin' ny tany, **Mos.** 3:5. Izaho no nanao izao tontolo izao sy ny olona talohan' ny nahatongavana ho nofo, **Mos.** 6:51, Abrahama dia nahita ireo faharanitan-tsaina izay efa nalamina talohan' ny nisian' izao tontolo izao; **Abr.** 3:21–24.

FIAKARANA. *Jereo koa* Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany; Jesoa Kristy

Fialan' ny Mpamonjy avy teto an-tany, efapolo andro taorian' ny fitsangana-ny tamin' ny maty. Ny Fiakarana ho any an-danitra dia nitranga teo amin'

ny toerana iray teo an-Tendrombohitry i Oliva, teo anatrehan' ny mpianatra (Mar. 16:19; Lio. 24:51). Tamin' izay fotoana izay, dia anjely roa avy any an-danitra no vavolombelona nanambara fa amin' ny hoavy dia hiverina “tahaka izay ihany” ny Tompo (Asa 1:9–12).

FIALONANA. *Jereo* Saro-piaro

FIANAKAVIANA. *Jereo koa*
Fanambadiana; Ray, Mety Maty;
Reny; Zanaka

Araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina, ny fianakaviana dia ahitana ny ray sy ny andefimandriny, ny ankizy ary indraindray ireo havana hafa miray trano na iray loham-pianakaviana. Ny fianakaviana koa dia mety ho ray na reny miaraka amin-janany, na mpivady tsy manan-janaka, na olona tokan-tena mipetra-drery.

Amin' ny ankapobeny: Aminao no hita-hiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany, **Gen.** 12:3 (Gen. 28:14; Abr. 2:11). Ho Andriamanitra ny isam-pianakavian' ny Isiraely Aho, **Jer.** 31:1. Ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy ety an-tany dia mahazo anarana avy amin' ny Ray, **Ef.** 3:14–15. Adama sy i Eva no nahazoana ny fianakavian' ny tany manontolo, **2 Ne.** 2:20. Ny voninahitrao dia ny ho fitohizan' ny taranaka mandrakizay, **F&F** 132:19. Homeko azy ny satroboninahitry ny fiainana mandrakizay ao amin' ireo ny tontolo mandrakizay, **F&F** 132:55. Ny famehezana ny zanaka amin' ny ray amandreny dia anisan' ny asa lehiben' ny fotoampahafenoana ny fotoam-pitantan' ny fahafenoam-pahasoavana, **F&F** 138:48. Lahy sy vavy no nahariako azy ary hoy Aho taminy: Maroa fara sy mi-habetsaha, **Mos.** 2:27–28. Tsy tsara raha irery ralehilahy, **Mos.** 3:18. Niara-niasa i Adama sy i Eva, **Mos.** 5:1.

Ireo andraikitra ny ray aman-dreny: Handidy ny zanany i Abrahama dia hitandrina ny lalan' ny Tompo ireo, **Gen.** 18:17–19. Hazoto hampianatra

ny zanakao ireo teny ireo ianao, **Deot.** 6:7 (Deot. 11:19). Izay tia zanaka dia manafay azy, **Ohab.** 13:24 (Ohab. 23:13). Zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza, **Ohab.** 22:6. Miravoravoa amin' ny vady izay tianao, **Mpito.** 9:9. Hampianatra ny zanakao rehetra ny Tompo, **Isa.** 54:13 (3 Ne. 22:13). Tezao amin' ny fanabeazana araka ny Tompo izy, **Ef.** 6:1–4 (Enô. 1:1). Raha misy olona tsy mamelona ny azy, dia efa nandà ny finoana izy, **1 Tim.** 5:8. Izy dia namporisika azy ireo araka ny fihetseham-pon' ny ray be fiantra, **1 Ne.** 8:37. Miresaka an' i Kristy isika mba hahafantaran' ny zanatsika ny lohara-no azony andrandraina, **2 Ne.** 25:26. Samy tia ny zanany na ny lahy na ny vavy, **Jkb.** 3:7. Ampianaro hifankatia sy hifanombo izy ireo, **Môsià** 4:14–15. Hiaro ny fiankavianareo na dia hatra-ny amin' ny fandatsahan-dra aza ianao, **Almà** 43:47. Mivavaha ao amin' ny fiankavianareo mba hitahiana ny vadinareo sy ny zanakareo, **3 Ne.** 18:21. Tokony hampianatra ny zanany ny filazantsara ny ray aman-dreny, **F&F** 68:25. Ny lehilahy tsirairay dia voatery hamelona ny ankohonany, **F&F** 75:28. Ny ankizy rehetra dia manana zo amin' ny fanohanana' ny ray aman-dreniny, **F&F** 83:4. Tezao amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana ny zanakareo, **F&F** 93:40. Alamino ny ankohonanao, **F&F** 93:43–44, 50. Tsy tokony hitaona ny hafa afa-tsy amin' ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy ny mpihazona ny fisoronana, **F&F** 121:41. Nampahafantatra ny zanany ny zava-drehetra i Adama sy i Eva, **Mos.** 5:12.

Ireo andraikitry ny zanaka: Manajà ny rainao sy ny reninao, **Eks.** 20:12. Anaka, mihainao ny ana-drainao, **Ohab.** 1:8 (Ohab. 13:1; 23:22). Nanao ny ray aman-dreniny i Jesoa, **Lio.** 2:51. Jesoa dia nanao ny sitrapon' ny Rainy, **Jao.** 6:38 (3 Ne. 27:13). Maneke ny ray sy ny reninareo ao amin' ny Tompo, **Ef.** 6:1 (Kol. 3:20). Raha mibebaka ny zanaka, dia hahodina hiala ny fahaviniranao, **F&F** 98:45–48. Ireo zanakavavy mahatokin' i Eva dia nidera an' ilay

Andriamanitra marina sy velona, **F&F** 138:38–39.

Fianakaviana mandrakizay: Ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana dia manazava ny toetra mandrakizain' ny fatoram-panambadiana sy ny fianakaviana. Ny fanambadiana selestialy sy ny fitohizana' ny isam-pianakaviana dia mahatonga ny ray sy ny andefimandry ho andriamanitra (**F&F** 132:15–20).

FIANDOHANA. *Jereo koa*

Fahariana; Fiainana Talohan' ny Fiainana An-tany; Jesoa Kristy

Manondro ny fotoana talohan' ity toetry ny mety maty ity izany amin' ny ankapobeny—izany hoe ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany. Indraindray dia i Jesoa Kristy no tondroina amin' ny hoe ny Fiandohana.

Tany am-piandohana Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany, **Gen.** 1:1 (Mos. 2:1). Tany am-piandohana ny Teny, **Jao.** 1:1. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiasarana, **3 Ne.** 9:18. Kristy no fiandohana sy fiasarana, **F&F** 19:1. Ny fanekepiahavanana vaovao sy maharitra mandrakizay dia efa nisy hatrany am-piandohana, **F&F** 22:1. Niaraka tamin' Andriamanitra ny olona tany am-piandohana, **F&F** 93:23, 29. Ireo fanahy lehibe sy ambony dia nofinidy tany am-piandohana mba ho mpanapaka, **F&F** 138:55. Ny Lahitokako dia niaraka tamiko hatrany am-piandohana, **Mos.** 2:26.

FIANGONAN' I JESOA KRISTY.

Jereo koa Famerenana amin' ny laoniny ny Filazantsara; Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra; Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny; Fiangonana, Anaran' ny; Fiangonana Marina, Ireo Famantarana ny; Olomasina

Fikambanana misy ny rafi-pandaminan' ireo mpino izay efa nitondra ny anaran' i Jesoa Kristy tamin' ny alalan' ny batisa sy ny fandraisana ho mpi-kambana. Tsy maintsy Fiangonan' ny

Tompo vao Fiangonana marina, tsy maintsy manana ny fahefany, ny fam-pianarany, ny lalàny, ny ôrdônansiny ary ny anarany; ary tsy maintsy entiny amin' ny alalan' ireo solotena izay efa notendreny.

Nampian' ny Tompo isan' andro ny isan' ireo ao amin' ny Fiangonana, **Asa** 2:47. Isika na maro aza dia tena iray ihany ao amin' i Kristy, **Rom.** 12:5. Fa Fanahy iray ihany no nanaovana batisa antsika rehetra ho tena iray, **1 Kor.** 12:13. Ny Fiangonana dia mitsangana eo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 2:19–20. Zava-dehibe ho an' ny Fiangonana ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 4:11–16. Kristy no lohan' ny Fiangonana, **Ef.** 5:23. Na misy fiangonana maro aza ireo dia Fiangonana iray, **Môsià** 25:19–22. Nodiovina sy nalamina ny Fiangonana, **Almà** 6:1–6. Ny Fiangonan' i Kristy dia tsy maintsy antsoina amin' ny Anarany, **3 Ne.** 27:8. Nihaona mate-tika mba hifady hanina sy hivavaka ary hifampiteny ny Fiangonana, **Môrô.** 6:5. Ity no hany Fiangonana marina sy velona, **F&F** 1:30. Nitsangana tamin' izao andro farany izao ny Fiangonan' i Kristy, **F&F** 20:1. Miantso ny mpanom-pony hanorina ny Fiangonany ny Tompo, **F&F** 39:13. Fa toy izany no hiantsoana ny Fiangonako amin' ny Andro Farany, **F&F** 115:4.

FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY, NY. *Jereo koa* Famerenana ho amin' ny laoniny ny Filazantsara; Fiangonan' i Jesoa Kristy; Fiangonana, Anaran' ny; Fiangonana Marina, Ireo Famantarana ny

Anarana omena ny Fiangonan' i Kristy amin' ny Andro Farany mba hanavahana izany amin' ny Fiangonana tamin' ireo fotoanandro hafa (**F&F** 115:3–4).

Hampidina fahalalana amin' ny Olomasin' ny Andro Farany ny Tompo, **F&F** 121:33. Joseph Smith no mpaminany sy mpahita ho an' ny Fiangonan' i Jesoa

Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, **F&F** 127:12. Efa antomotra ny andro lehiben' ny Tompo ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, **F&F** 128:21, 24. Nanampy tamin' ny fanangonana ny Olomasin' ny Andro Farany i Joseph Smith, **F&F** 135:3. Tokony halamina ho andiany ireo Olomasin' ny Andro Farany amin' ny dia mankamin' ny fari-tra andrefan' i Etazonia, **F&F** 136:2. Natao mazava ny lalàn' ny fanambadiana ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, **F&F** FO—1. Omena ny lehilahy mendrika rehetra, mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny Fisoronana, **F&F** FO—2. Ny fitantarana ny Fahitana Voalohany ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany rehetra, **JS—T** 1:1.

FIANGONANA, ANARAN' NY.

Jereo koa Fiangonan' i Jesoa Kristy; Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny; Môrmôna

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna: nilaza i Jesoa Kristy, fotoana fohy taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty, rehefa namangy ny Nefita marina Izy fa tokony hitondra ny anarany ny fiangonany (3 Ne. 27:3–8). Nambaran' ny Tompo fa “Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany” no ho anaran' ny Fiangonana amin' izao fotoana izao (**F&F** 115:4).

FIANGONANA MAHARIKORIKO.

Jereo Devoly—Ny fiangonan' ny devoly

FIANGONANA MAKADIRY SY MAHARIKORIKO. *Jereo*

Devoly—Ny fiangonan' ny devoly

FIANGONANA MARINA, IREO FAMANTARANA NY. *Jereo koa*

Famantarana; Fiangonan' i Jesoa Kristy; Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny

Fotopampianarana sy asan' ny fiango-

nana izay maneho fa eken' Andriamanitra izany ary lalana efa napetrak' Andriamanitra ho an' ny zanany mba hahazoan' izy ireo ny fahafenoan' ny fitahiany. Ny sasany amin' ireo famantarana ny Fiangonana marina dia toy izao manaraka izao:

Fahatakarana marina Ny Andriamanitra: Nahary ny olona araka ny endriny Andriamanitra, **Gen.** 1:26–27. Niteny nifanatrika tamin' i Mosesy ny Tompo, **Eks.** 33:11. Ny fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy, **Jao.** 17:3. Manana vatana nofo sy taolana ny Ray sy ny Zanaka, **F&F** 130:22–23. Niseho tamin' i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka, **JS—T** 1:15–20. Isika dia mino an' Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay, **Fp.** 1:1.

Fitsipika sy ôrdônansy voalohany: Raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, **Jao.** 3:3–5. Mibebaha ary aoka hatao batisa amin' ny anaran' i Jesoa Kristy ianareo rehetra, **Asa** 2:38. Dia nametrahany tanana izy ireo, ka dia nandray ny Fanahy Masina ireo, **Asa** 8:14–17. Tonga zanak' Andriamanitra amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy, **Gal.** 3:26–27. Mibebaha ianareo ary aoka hatao batisa amin' ny anaran' ny Zanako Malalako, **2 Ne.** 31:11–21. Ireo izay nino dia natao batisa ary nandray ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' ny fametrahana-tanana, **F&F** 76:50–53. Ny fisoronana marina dia ilaina mba hanaovana batisa sy hanomezana ny Fanomezana ny Fanahy Masina, **JS—T** 1:70–72. Voalaza ireo fitsipika sy ôrdônansy fototra amin' ny filazantsara, **Fp.** 1:4.

Fanambarana: Raha tsy misy fahitana dia maty ny vahoaka, **Ohab.** 29:18. Manambara ny tsiambaratelon' amin' ny mpaminany ny Tompo, **Amo.** 3:7. Ny Fiangonana dia miorina eo amin' ny vatolampin' ny fanambarana, **Mat.** 16:17–18 (**F&F** 33:13). Lozan' izay hilaza fa ny Tompo dia tsy miasa intsony amin' ny fanambarana, **3 Ne.** 29:6. Ireo fanambarana sy didy dia tsy

tonga raha tsy amin' ny alalan' izay voatendry, **F&F** 43:2–7. Isika dia mino izay rehetra efa nambaran' Andriamanitra, **Fp.** 1:9.

Mpaminany: Ny Fiangonana dia mitsangana eo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 2:19–20. Zava-dehibe ho an' ny Fiangonana ny Apostoly sy ny Mpaminany, **Ef.** 4:11–16. Joseph Smith dia nantsoina ho mpahita, mpaminany ary Apostoly, **F&F** 21:1–3. Isika dia mino ny mpaminany, **Fp.** 1:6.

Fahefana: Nomen' i Jesoa ny mpianany ny hery sy ny fahefana, **Lio.** 9:1–2. (**Jao.** 15:16). Nefia, zanakalahin' i Helamàna dia manana fahefana lehibe avy tamin' Andriamanitra, **Hel.** 11:18 (3 **Ne.** 7:17). Ny mpaminany no tokony hahazo didy ho an' ny Fiangonana, **F&F** 21:4–5. Tsy misy olona mahazo mitory ny filazantsara na manorina ny Fiangonana raha tsy natokan' ny olona izay manana fahefana izy, **F&F** 42:11. Tokony hitory ny filazantsara ny loholona ka hiasa amin' ny fahefana. **F&F** 68:8. Izay mitory na manatanteraka ho an' Andriamanitra dia tsy maintsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ireo izay manana fahefana, **Fp.** 1:5.

Fanam-pin-tsoatra masina mbola hivoaka: Hatambatra amin' ny tapa-kazon' i Josefa ny tapa-kazon' i Joda, **Ezek.** 37:15–20. Nolazaina mialoha ny fivoahan' ny soratra masin' ny andro farany, **1 Ne.** 13:38–41. Mino isika fa mbola hanambara zavatra lehibe sy manandanja maro Andriamanitra, **Fp.** 1:9.

Fandaminana ny Fiangonana: Ny Fiangonana dia mitsangana eo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 2:19–20. Zava-dehibe ho an' ny Fiangonana ny Apostoly sy ny mpaminany, **Ef.** 4:11–16. Kristy no lohan' ny Fiangonana, **Ef.** 5:23. Tsy maintsy antsoina amin' ny anaran' i Kristy ny Fiangonany, **3 Ne.** 27:8. Mino ny fandaminana mitovy tamin' izay nisy tao amin' ny Fiangonana Voalohany isika, **Fp.** 1:6.

Asa fitoriana: Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatro ny firenena rehetra, **Mat.** 28:19–20. Ny Fitopololahy dia nantsoina mba hitory ny filazantsara, **Lio.** 10:1. Niriny ny hitoriana ny famonjena amin' ny olona rehetra, **Môsià** 28:3. Tokony handeha tsiroaroa ny loholona, hitory ny filazantsarako, **F&F** 42:6. Tsy maintsy toriana amin' ny olona rehetra ny filazantsara, **F&F** 58:64.

Fanomezam-pahasoavana ara-panahy: Nanomboka niteny tamin' ny fiteny maro samihafa izy ireo, **Asa** 2:4. Ny loholona dia tokony hanasitrana ny marary, **Jak.** 5:14. Aza mandà ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra, **Môrô.** 10:8. Voatanisa ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy, **F&F** 46:13–26 (1 Kor. 12:1–11; Môrô. 10:9–18)

Tempoly: Hanao fanekempihavanana Aho ka hametraka ny fitoeramasiko eo aminy mandrakizay, **Ezek.** 37:26–27. Ho avy tampoka ho eo an' tempoliny ny Tompo, **Mal.** 3:1. Nanorina tempoly i Nefia, **2 Ne** 5:16. Nofaizina ny Olomasina noho izy ireo tsy nahavita nanorina ny tranon' ny Tompo, **F&F** 95 (F&F 88:119). Nanorina tempoly mandrakariva ny vahoakan' ny Tompo ho fanatanterahana ireo ôrdônansy masina, **F&F** 124:37–44. Ny fanorenana tempoly sy ny fanatanterahana ireo ôrdônansy dia anisan' ireo asa lehiben' ny Andro Farany; **F&F** 138:53–54.

FIANIANANA. *Jereo koa*

Fanekempihavanana; Fianianana
sy Fanekempihavanan' ny
Fisoronana

Araka ny ampiasana azy ao amin' ny Soratra Masina dia matetika, fanekempihavanana masina na fampanantenana. Na izany aza ny olon-dratsy, isan' izany i Satana sy ny anjeliny, dia manao fianianana ihany koa mba hanatanterahana ireo tanjony mamoafoady. Nekenana ny fianianana tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha, saingy nampianatra i Jesoa Kristy fa tsy tokony hianiana amin' ny anaran' Andriamanitra na ny zava-boahariny ny olona (Mat. 5:33–37).

Hotoviko ny fianianana izay nataoko tamin' i Abrahama, **Gen.** 26:3. Raha misy lehilahy mianiana hamehy ny fanahiny, dia tsy hitsoa-tena izy, **Nom.** 30:2. Nianiana handeha amin' ny lalàn' Andriamanitra izy, **Neh.** 10:29. Efao amin' ny Tompo ny fianiananao, **Mat.** 5:33 (Mpito. 5:1–2; 3 Ne. 12:33). Nianiana tamin' ny fianianana Andriamanitra fa hovanjena ireo mahatoky, **Heb.** 6:13–18. Nony efa nianiana taminay i Zôrama, dia nitsahatra ny ahiahinay, **1 Ne.** 4:37. Nanao ny fianianana ny vahoakan' i Amôna mba tsy handatsa-dra na oviana na oviana intsony, **Almà** 53:11. Nanao fianianana sy fanekempihavanana mifafina tamin' i Satana ireo Nefita ratsy fanahy, **Hel.** 6:21–30. Mahazo fiainana mandrakizay amin' ny alalan' ny fianianana sy ny fanekempihavanan' ny fisoronana ny olona, **F&F** 84:33–42. Izany mety ho fanekempihavanana, fifanekena, fifanarahana, adidy, fianianana, tsy fehezin' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana dia mifafana rehefa maty ny olona, **F&F** 132:7.

FIANIANANA SY FANEKEMPIHAVANAN' NY FISORONANA.

Jereo koa Fanekempihavanana;
Fianianana; Fisoronana

Ny fianianana dia fanekena amin' ny velirano ny ho marina sy ho mahatoky amin' ny fampanantenana atao. Ny fanekempihavanana dia fampanantenana matotra eo amin' ny antokon' olona roa samy hafa. Fanekempihavanana irery ihany no andraisana ny Fisoronana Aharôna. Ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia mandray ny fisoronana amin' ny fianianana tsy tononina sy amin' ny fanekempihavanana. Mitahy ireo mpihazona ny fisoronana Andriamanitra rehefa mahatoky sy milofo amin' ny antsony araka izay itarihany izy ireo. Ireo izay mahatoky hatramin' ny farany sy manao izay rehetra angatahiny aminy dia hahazo izay rehetra ananan' ny Ray (F&F 84:33–39).

Nanao fanekempihavanana tamin' i Abrahama, ny Tompo ary nankatò i Abrahama, **Gen.** 15:18; 17:1; 22:16–18.

Tsy namahana ny ondry ireo mpisorona tamin' ny andron' i Ezekiela, **Ezek.** 34:2-3. Nanimba ny fanekempihavana- na ireo mpisorona tamin' ny andron' i Malakia, **Mal.** 1-2.

FIANTRANA. *Jereo koa* Asa

Fanasoavana; Fangorahana;
Fanompoana; Fitiavana

Ny fitiavana madion' i Kristy (Môrô. 7:47); ny fitiavana izay ananan' i Kristy ho an' ny zanak' olombelona ary tokony hananan' ny zanak' olombelona ho an' izy samy izy (2 Ne. 26:30; 33:7-9; Ete. 12:33-34); ny avo indrindra, ny ambon' indrindra, ny mahery indrindra amin' ny karazam-pitiavana fa tsy fan- kamamiana fotsiny ihany.

Ny fahalalana mampieboebo fa ny fitiavana no mampandroso, **1 Kor.** 8:1. Ny fiantrana izay fitiavana madio dia saika mihoatra sy manaoatra ny zava- dehetra, **1 Kor.** 13. Ny anton' ny didy dia fitiavana avy amin' ny fo madio, **1 Tim.** 1:5. Tovony fiantrana ny fiha- van-drahalahy, **2 Pet.** 1:7. Efa nandidy ny Tompo fa ny olon-drehetra dia to- kony hanana fiantrana, **2 Ne.** 26:30 (Môrô. 7:44-47). Ezaho izay ananana- reo finoana, fanantenana ary fiantra- na, **Almà** 7:24. Ny fitiavana izay ananan' ny Tompo ho an' ny olona dia ny fiantrana, **Ete.** 12:33-34. Raha tsy misy ny fiantrana dia tsy afaka man- dova ilay toerana voaomana ao amin' ny fonenan' ny Ray ny olona, **Ete.** 12:34 (Môrô. 10:20-21). Nosoratan' i Môrônia ny tenin' i Môrmôna momba ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana, **Môrô.** 7. Mahalany ny olona ho amin' ny asan' ny Tompo ny fian- trana, **F&F** 4:5-6 (F&F 12:8). Atafio ny tenanareo ny famatoran' ny fiantrana, **F&F** 88:125. Aoka ny kibonao ho feno fiantrana, **F&F** 121:45.

FIANTSOANA SY FIFIDIANANA.

Jereo koa Fifidianana

Ireo mpianatra marin' i Kristy dia afaka ho isan' ny olom-boafidy izay mampi- toetra ny fisandratany. Izany fiantsoana

sy fifidianana izany dia manomboka amin' ny fibebahana sy ny batisa. Tonga feno izany rehefa "mibosesika handroso izy ireo ka mivoky amin' ny tenin'i Kristy ary maharitra hatramin' ny fara- ny" (2 Ne. 31:19-20). Lazain' ny soratra masina fa mampitoetra ny fiantsoana sy ny fifidianana antsika izany lalana izany (2 Pet. 1:4-11; F&F 131:5-6).

Ho fanjakà-mpisorona ho Ahy ianareo, **Eks.** 19:5-6 (Fan. 1:6). Andriamanitra efa nifidy hatramin' ny voalohany ny olom-boafidy hahazo famonjena, **2 Tes.** 2:13. Mazotoa hampitoetra ny fiantsoa- na sy ny fifidianana anareo, **2 Pet.** 1:10. Mamehy anareo ho Azy ny Tompo, **Môsià** 5:15. Izaho dia manao fanekem- pihavanana aminao fa hahazo ny fiaina- na mandrakizay ianao, **Môsià** 26:20. Ireo mpihazona mahatoky ny fisorona- na dia manjary fiangonana sy fanjakana ary nofinidin' Andriamanitra, **F&F** 84:33-34. Ny teny mafy orina kokoa dia midika ho fahalalan' ny olona fa fehezina ho amin' ny fiainana mandra- kizay izy, **F&F** 131:5-6. Feheziko eo am- boninao ny fisandratanao, **F&F** 132:49.

FIARAN' NY FANEKENA. *Jereo koa* Tabernakely

Fantatra koa amin' ny hoe Fiaran' i Jehovah sy Fiaran' ny Vavolombelo- na, ny Fiaran' ny Fanekena dia vata lavalava natao tamin' ny hazo ary no- hosorana volamena. Izany no tranainy sy masina indrindra amin' ny fanehoan- javatra ara-pivavahana teo amin' ny Isiraelita. Ny Fitoeran' ny Famindram- po izay mandrakotra izany dia noheve- rina ho toy ny fitoeran' i Jehovah ety an-tany (Eks. 25:22). Nony efa tafatsan- gana ny tabernakely dia napetraka tao amin' ny fitoerana masina indrindra izay Efitra Masina Indrindra ao amin' ny lay ny fiara (1 Mpan. 8:1-8).

Nanao ny fiara i Mosesy noho ny didin' Andriamanitra, **Eks.** 25. Nampiandrai- ketina ny zanak' i Levy ny fikarakarana ny fiara, **Nom.** 3:15, 31. Nandroso nia- loha azy ireo ny fiaran' ny fanekena, **Nom.** 10:33. Raiso ity bokin' ny lalàna

ity, ka apetraho ao amin' ny fiaran' ny fanekena, **Deot.** 31:24–26. Ny ranon' i Jordana dia tapaka teo anoloan' ny fiaran' ny fanekena, **Jos.** 3:13–17; 4:1–7. Nentin' ireo mpisorona ny fiaran' ny fanekena tamin' ny nanafahana an' i Jeriko, **Jos.** 6:6–20. Nobaboin' ny Filistiana ny fiaran' Andriamanitra, **1 Sam.** 5. Notahian' ny Tompo ny tranon' i Obed-edoma noho ny fiaran' Andriamanitra, **2 Sam.** 6:11–12. Novonoin' ny Tompo i Oza noho izy tsy nankatò ka nanandrana ny nanarina ny fiara, **1 Tan.** 13:9–12 (F&F 85:8). Manaova ny fitoerana masina ho an' ny Tompo Andriamanitra hampidirana ny fiaran' ny fanekena, **1 Tan.** 22:19. Filazalazana ny zavatra ao anatin' ny fiaran' ny fanekena, **Heb.** 9:4.

FIAROVAN-TENA

Akanjo anaovana hiarovana ny vatana amin' ny vely na toraka fitaovam-piadiana. Ampiasaina koa ny teny ilazana toe-panahy izay miaro ny olona iray amin' ny fakam-panahy na ny ratsy.

Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, **Ef.** 6:10–18 (F&F 27:15–18)

FIAVIAN' I JESOA KRISTY

FANINDROANY. *Jereo koa*

Famantaran' ireo Fotoana; Goga;

Hara-magedona; Jesoa Kristy;

Magoga

Hiverina eto an-tany i Kristy amin' ny fanombohan' ny Arivotaona. Izany no hanamarika ny fahataperan' ny fotoampisedran' ity tany ity. Hoesorina tsy ho etỳ an-tany ny ratsy fanahy, ary ny marina hampakarina eny amin' ny rahona raha mbola diovina kosa ny tany. Na tsy misy aza olona mahafantatra marina ny fotoana hiavian' i Kristy fanindroany, dia nomeny antsika ireo famantarana tokony hiambenana, izay haneho fa manakaiky ny fotoana (Mat. 24; JS—M 1).

Fantatro fa hitsangana any am-parany eo ambonin' ny vovoka ny Mpanavotra ahy, **Joba** 19:25. Izaho no handohalinan' ny lohalika rehetra sy hiananian' ny lela rehetra, **Isa.** 45:23 (F&F 88:104).

Ny Zanak' Olona avy tamin' ny rahon' ny lanitra, **Dan.** 7:13 (Mat. 26:64; Lio. 21:25–28). Hijery Ahy izay nolefoniny izy, **Zak.** 12:10. Hisy hanao hoe, ka inona itony ratra amin' ny tananao itony?, **Zak.** 13:6 (F&F 45:51). Iza no mahatanty ny andro hihaviany? Fa Izy dia tahaka ny afon' ny mpandrendrika, **Mal.** 3:2 (3 Ne. 24:2; F&F 128:24). Ho avy ny Zanak' Olona amin' ny voninahitry ny Rainy, **Mat.** 16:27 (Mat. 25:31). Fa ny amin' izany andro sy ny ora izany, dia tsy misy mahalala afa-tsy ny Ray ihany, **Mat.** 24:36 (F&F 49:7; JS—M 1:38–48). Iny Jesoa iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra, **Asa** 1:11. Ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra, **1 Tes.** 4:16. Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron' ny Tompo, **2 Pet.** 3:10. Tonga ny Tompo mbamin' ny masina tsy omby alinalina, **Joda** 1:14. Indro Izy avy amin' ny rahona ary ny maso rehetra hahita Azy, **Fan.** 1:7. Hitsangana hitsara izao tontolo izao i Jesoa, **3 Ne.** 27:14–18. Miomàna ianareo, miomàna ianareo fa efa akaiky ny Tompo, **F&F** 1:12. Haneho ny tenako avy any an-danitra amin' ny hery Aho, ary hitoetra eto an-tany arivo taona, **F&F** 29:9–12. Asandrato ny feonao ka miantsoa fibebahana, hanomana ny lalan' ny Tompo ho amin' ny fiaviany fanindroany, **F&F** 34:5–12. Izaho no Jesoa Kristy ary ho avy tampoka ao amin' ny tempolika Aho, **F&F** 36:8 (F&F 133:2). Avy tsy ho ela ny andro izay hahitanareo Ahy sy hahafantaranareo fa Izaho no Izy, **F&F** 38:8. Izay matahotra Ahy dia hiandrandra ny famantaran' ny fiavian' ny Zanak' Olona, **F&F** 45:39. Haseho ny tavan' ny Tompo, **F&F** 88:95. Ny andron' ny Tompo, ilay lehibe sy mahatahotra, dia efa akaiky, **F&F** 110:16. Rehefa hiseho ny Mpamonjy, dia ho hitantsika Izy araka ny maha-Izy Azy tokoa, **F&F** 130:1. Ny Mpamonjy dia hitsangana eo afovoan' ny vahoakany sy hanjaka, **F&F** 133:25. Iza ity midina avy amin' Andriamanitra any an-danitra manao fitafiana natoina ity, **F&F** 133:46 (Isa. 63:1).

FIAVONAVONANA. *Jereo koa*

Fanetren-tena; Harena; Rehak' Izao
Tontolo Izao; Vola; Zava-poana

Tsy fahampiana na tsy fananana fanetren-tena sy fanekena anatra. Mitondra fifanoherana amin' ny olona samy olona sy amin' Andriamanitra ny fiavonana. Ny olona miavona dia mame-traka ny tenany ho ambonin' ny manodidina azy ary manaraka ny sitrapon' ny tenany fa tsy ny sitrapon' Andriamanitra. Ny fihamboana, ny fitsiriritana, ny fahamafisam-po ary ny fietraketrahana dia mariky ny olona mpiavona ihany koa.

Mitandrema sao hiavonavona ny fonao ka hohadinoinao ny Tompo Andriamanitrao, **Deot.** 8:11–14. Hala-ko ny fiavonavonana sy ny fireharehana, **Ohab.** 8:13 (**Ohab.** 6:16–17). Ny fiavonavonana mialoha ny fahasimbana, **Ohab.** 16:18. Ny andron' ny Tompo dia hanetry ny mpiavonavona, **Isa.** 2:11–12 (2 **Ne.** 12:11–12). Ny avonavon' ny fonao no namitaka anao, **Oba.** 1:3. Ho vodivary ny mpirehareha rehetra, **Mal.** 3:19 (1 **Ne.** 22:15; 3 **Ne.** 25:1; **F&F** 29:9). Izay manandra-tena no haetry, **Mat.** 23:12 (**F&F** 101:42). Andriamanitra manohitra ny miavonavona, **1 Pet.** 5:5. Ny trano lehibe sy malalaka no fieboeboan' izao tontolo izao, **1 Ne.** 11:36 (1 **Ne.** 12:18). Rehefa mahay izy dia manao azy ho hendry, **2 Ne.** 9:28–29. Tafasondrotra ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo, **Jkb.** 2:13, 16 (**Almà** 4:8–12). Endahinareo amin' ny tenanareo ve ny avonavona? **Almà** 5:28. Avonavona lehibe izaitsizy no efa niditra ny fon' ny vahoaka, **Hel.** 3:33–36. Mailaka erỳ ny zanak' olombelona ny ho tafasondrotra ao amin' ny fiavonavonana, **Hel.** 12:4–5. Ny fiavonavonan' ity firenena ity dia efa porofoin' ny famongorana azy, **Môrô.** 8:27. Mitandrema amin' ny avonavona, fandrao hanjary ho toy ny Nefita fahiny ianareo. **F&F** 38:39. Atsaharo ny fiavonavonanareo sy ny hevi-dravinareo rehetra, **F&F** 88:121.

FIBEBAHANA. *Jereo koa* Famelana
ny fahotana; Fo Torotoro; Jesoa
Kristy; Mamela; Miaiky;
Sorompanavotana

Fiovan-tsaina sy fiovam-po izay miteraka fihetsika vaovao amin' Andriamanitra, amin' ny tena, ary amin' ny fiainana ankapobeny. Ny fibebahana dia midika fa miala amin' ny ratsy ny olona iray ka mampitodika amin' Andriamanitra ny fony sy ny sitrapony, manoa ny didy sy ny sitrapon' Andriamanitra ary miala amin' ny fahotana. Ateraky ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny faniriana marina hanaraka ny didiny no tena fibebahana marina. Efa nanota avokoa ny olona tompon' andraikitra rehetra ary tsy maintsy mibebaka mba handrosoany manamin' ny famonjena. Amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ihany no ahafahan' ny fibebahantsika hanankery sy eken' Andriamanitra.

Mitsora amin' ny Tompo, **Ezra** 10:11. Esory ny ratsy fanaonareo, mitsahara, fa aza manao ratsy, **Isa.** 1:16. Mibebaha, ka mitodiha amin' ny fahadisoanareo rehetra, **Ezek.** 18:30–31. Mibebaha hianareo; fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra, **Mat.** 3:2. Misy fifaliana any andanitra ny amin' ny mpanota iray izay mibebaka, **Lio.** 15:7. Andriamanitra mandidy ny olona rehetra amin' izao tontolo izao mba hibe-baka, **Asa** 17:30 (2 **Ne.** 9:23; 3 **Ne.** 11:31–40; **F&F** 133:16). Fa ny alahelo araka an' Andriamanitra miasa fibebahana ho amin' ny famonjena, **2 Kor.** 7:10. Ny Fanahin' ny Tompo Tsitoha dia efa nahatonga fiovana mahery vaika tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay, **Môsià** 5:2. Raha miaiky ny fahotany izy ary mibebaka, dia hamela azy ianao, **Môsià** 26:29. Taorian' ny toritenin' i Almà, dia maro tamin' ny vahoaka no nanomboka nibebaka, **Almà** 14:1. Aza manemotra ny andron' ny fibebahanareo, **Almà** 34:33. Nambaran' i Almà tamin' i Helamàna ny amin' ny fibebahany sy ny fiovam-pony, **Almà** 36 (**Môsià** 27:8–32). Ny fibebahana dia

tsy ho nety tonga tamin' ny olona raha tsy nisy ny famaizana, **Almà** 42:16. Aoka ny fahotanao hanahirana anao, amin' ity fahasahiranana ity izay hitondra anao hidina any amin' ny fibe-bahana, **Almà** 42:29. Haterinareo ho sorona ho Ahy ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, **3 Ne.** 9:20. Na zovy na zovy no mibebaka sy mankaty Amiko toy ny ankizy madinika, dia izy no horaisiko, **3 Ne.** 9:22. Mibebaha ianareo rehetra faran' ny tany, **3 Ne.** 27:20. Arakara ny nibebahany no namelana azy, **Môrô.** 6:8. Aza milaza na inona na inona afa-tsy fibe-bahana amin' ity taranaka ity, **F&F** 6:9 (**F&F** 11:9). Akory ny halehiben' ny fifaliany amin' ny olona izay mibebaka, **F&F** 18:13. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mibebaka na mijaly, **F&F** 19:4. Izay manota ka tsy mibebaka dia horoahina hiala, **F&F** 42:28. Izay mibaboka sy mahafofy ny fahotany no havela heloka, **F&F** 58:42–43. Havotana ireo maty izay mibebaka, **F&F** 138:58. Mino ny fibe-bahana isika, **Fp.** 1:4.

FIDERANA. *Jereo* Misaotra;
Voninahitra

FIDONANA-POANA. *Jereo*
Midonana-poana

FIEKENA. *Jereo* Miaiky

FIETRERETANA. *Jereo* koa
Fahazavana, Fahazavan' i Kristy

Ilay fahatsapana ny marina sy ny diso ao anaty, avy amin' ny Fahazavan' i Kristy izay ao anatin' ny olona rehetra (**Môrô.** 7:16). Miara-teraka amintsika ny fahaizana voajanahary hanavaka ny marina sy ny diso noho ny fahazavan' i Kristy izay omena ny olondrehetra (**F&F** 84:46). Izany fahaizana izany no atao hoe fieritreretana. Ny fananana izany dia mahatonga antsika ho olona tompon' andraikitra. Toy ireo fahaizana hafa, ny fieritreretantsika dia mety ho faty noho ny fahotana na ny fampiasana azy tsy araka ny tokony ho izy.

Nohelohin' ny fieritreretany ihany ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo, **Jao.** 8:9. Ny fieritreretany koa no vavolombelony, **Rom.** 2:14–15. Efa nodorana tamin' ny vy mahamay ny fieritreretany ireo nihemotra, **1 Tim.** 4:2. Ampy tokoa ny fahalalan' ny olona mba hanavahany ny tsara amin' ny ratsy, **2 Ne.** 2:5. Nanana fieritreretana madio teo anoloan' Andriamanitra i Benjamina Mpanjaka, **Môsià** 2:15. Feno fifaliana ny Nefita rehefa nahazo fiadianan-tsaina, **Môsià** 4:3. Nijaly i Zezrôma noho ny fahatsapany ny hadisoany, **Almà** 14:6. Omena fifaliana na fanenenan' ny fieritreretana isika araka ny faniriantika, **Almà** 29:5. Ny famaizana sy ny lalàna marina dia mitondra fanenenan' ny fieritreretana, **Almà** 42:18. Omena ny olona tsirairay ny Fanahin' i Kristy mba hahazoany manavaka ny tsara amin' ny ratsy, **Môrô.** 7:16. Ny olona tsirairay dia tokony hampiasa malalaka ny fieritreretana, **F&F** 134:2. Madio ny fieritreretako, **F&F** 135:4. Isika dia mitaky ny zo hidera an' Andriamanitra araka ny baikon' ny fieritreretantsika, **Fp.** 1:11.

FIFADIAN-KANINA. *Jereo* koa Asa
Fanasoavana; Fanampiana;
Fanatitra; Mahantra

Nahim-po ametrahan-tena tsy hihina-na na hisotro mba hanakaikezana ny Tompo bebe kokoa ary hangatahana ny fitahiany. Rehefa mifady hanina ny olona iray na maro, dia tokony hivavaka koa izy mba hahatakatra ny sitrapon' Andriamanitra ary hampitombo bebe kokoa ny herim-panahiny. Efa niainan' ny mpino marina mandrakariva ny fifadian-kanina.

Andro Sabata iray isam-bolana ankehitriny ao amin' ny Fiangonana no atokana ho an' ny fifadian-kanina. Amin' io fotoana io, dia tsy mihinana na misotro ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana mandritra ny efatra amby roapolo ora. Omeny ny Fiangonana amin' izany ny vola tokony ho nolaniana tamin' ny hanina nandritra

ireo fotoana ireo. Io vola io no atao hoe fanatitra amin' ny fifadian-kanina. Mampiasa ny fanatitra amin' ny fifadian-kanina ny Fiangonana hanampiana ny mahantra sy ny sahirana.

Nifady hanina izahay ary nitalaho tamin' Andriamanitra, **Ezra** 8:21–23, 31. Nifady hanina sy nivavaka teo anoloan' ny Andriamanitra ny lanitra aho, **Neh.** 1:4. Mifadia hanina noho ny amiko ka aza mihinana na misotro hateloana, **Est.** 4:16. Nanetry ny fanahiko tamin' ny fifadian-kanina aho, **Sal.** 35:13. Tsy izao va no fifadiana izay nofidiko? **Isa.** 58:3–12. Natodiko tany amin' Andriamanitra Tompo ny tavako hitady izay hivavahana amin' ny fifadian-kanina, **Dan.** 9:3. Miverena amiko amin' ny fonareo rehetra sy amin' ny fifadian-kanina, **Joe.** 2:12. Nino an' Andriamanitra ny mpoinina tao Ninive ka niantso fifadian-kanina, **Jona** 3:5. Nifady hanina efapolo andro i Jesoa, **Mat.** 4:2 (Eks. 34:28; 1 Mpan. 19:8; **Lio.** 4:1–2). Tsy ho hitan' ny olona fa mifady, **Mat.** 6:18 (3 Ne. 13:16). Iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy amin' ny alalan' ny vavaka sy ny fifadian-kanina, **Mat.** 17:21. Tohizo ny fifadianareo hanina sy ny fivavakareo, **Ômn.** 1:26 (4 Ne. 1:12). Nanombo ka nifady hanina sy nivavaka tamin' ny Tompo Andriamaniny izy ireo, **Môsià** 27:22. Nifady hanina sy nivavaka andro maro aho mba hahafantarako ireny zavatra ireny, **Almà** 5:46. Niombona tamin' ny fifidian-kanina sy ny faherezana nivavaka ireo zanak' Andriamanitra, **Almà** 6:6. Efa nanontan-tena ho amin' ny fivavahana fatratra sy ny fifadian-kanina ireo zanakalahin' i Môsià, **Almà** 17:3, 9. Fotoan' ny fifadian-kanina sy ny fivavahana no nanaraka ny fahafatesan' ny Nefita maro, **Almà** 28:5–6. Izy ireo dia nifady hanina fatratra sy nivavaka fatratra, **Almà** 45:1 (Hel. 3:35). Aoka ny hani-nao homanina amin' ny fahatsorampo mba hahatonga ny fifadianao ho fanaperana, **F&F** 59:13–14. Hotohizanareo ny vavaka sy ny fifadian-kanina, **F&F** 88:76.

FIFALIANA. *Jereo koa* Mankatò

Toetry ny hasambarana lehibe vokatry ny fiainana mandala fahamarinana. Ny tanjon' ny fiainana mety maty ho an' ny olon-drehetra dia ny hanana fifaliana (2 Ne. 2:22–25). Avy amin' ny alalan' i Jesoa Kristy irery ihany ny fifaliana feno (**Jao.** 15:11; **F&F** 93:33–34; 101:36).

Ny malemy fanahy koa dia hitombo fifaliana ao amin' ny Tompo, **Isa.** 29:19 (2 Ne. 27:30). Mitondra vaovao mahafaly ho anareo aho, dia fifaliana lehibe, **Lio.** 2:10. Tsy misy olona manaisotra ny fifalianareo aminareo, **Jao.** 16:22. Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, **Gal.** 5:22. Ny voany dia nameno hafaliana mitafotafa tokoa ny fanahiko, **1 Ne.** 8:12. Misy ny olona mba hahazo fifaliana, **2 Ne.** 2:25. Ny fifalian' ny marina dia ho feno mandrakizay, **2 Ne.** 9:18. Mahazo miaramitoetra amin' Andriamanitra ao amin' ny toetry ny fahasambarana tsy mifaranana na oviana na oviana izy ireo, **Môsià** 2:41. Hahoiko izay rehetra ananako mba hahazoako mandray izany fifaliana lehibe izany, **Almà** 22:15. Angamba mba mety ho fitaovana eo an-tanan' Andriamanitra aho ka hitondra fanahy hankamin' ny fibebahana, ary izany no fifaliako, **Almà** 29:9. Endrey fifaliana, ary endrey hazavana mahagaga no hitako, **Almà** 36:20. Ny Fanahiko dia hameno fifaliana ny fanahinao, **F&F** 11:13. Akory ny ho halehiben' ny fifalianareo miaraka aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko, **F&F** 18:15–16. Eto amin' izao tontolo izao dia tsy feno ny fifalianareo, fa ao Amiko dia feno ny fifalianareo, **F&F** 101:36. Eo amin' ity fiainana ity no hananako fifaliana, **Mos.** 5:10–11.

FIFANDIRANA. *Jereo koa* Fikomiana

Ady antsanga, fifamaliana, fifanjihirana. Tsy mahafinaritra ny Tompo ny fifandirana, indrindra fa eo amin' ny samy mpikambana ao amin' ny Fiangonan' ny Tompo, na eo amin' ny samy mpianakavy.

Aoka re mba tsy hisy fifamaliana eo amiko sy eo aminao, **Gen.** 13:8. Mahatonga fifandirana ny avonavona, **Ohab.** 13:10. Raha misy manana ady amin' ny sasany dia mamelà heloka tahaka ny namelan' i Kristy heloka, **Kol.** 3:13. Halaviro ny fanontaniana adala sy ny fifandirana, **Tito.** 3:9. Mandidy ny olona tsy hifanditra ny Tompo, **2 Ne.** 26:32. Tsy hamela ny zanakareo hiady sy hifanditra ianareo, **Môsià** 4:14. Nandidy i Almà mba tsy hisy fifandirana eo anivon' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana, **Môsià** 18:21. Manely tsa-ho sy fifandirana i Satana, **Hel.** 16:22. Ny devoly no rain' ny lainga izay mamoky ny olona mba hifanditra, **3 Ne.** 11:29. (Môsià 23:15). Aoreno ny filazan-tsarako mba tsy hisian' ny fifandirana be, **F&F** 10:62–64. Atsaharo ny fifandiranareo, **F&F** 136:23.

FIFIDIANANA. *Jereo koa* Fiantsoana sy Fifidianana; Safidy; Voafidy

Miankina amin' ny fahamendrehana tao amin' ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany no nifidianan' Andriamanitra an' ireo izay ho taranak' i Abrahama sy ho mpianakavin' i Isiraely ary ho tonga ho vahoakan' ny fanekempihavana-na (Deot. 32:7–9; Abr. 2:9–11). Omena fitahiana manokana sy adidy ireo olona ireo mba hahafahany mitsodrano ny firenena rehetra eo amin' izao tontolo izao (Rom. 11:5–7; 1 Pet. 1:2; Almà 13:1–5; **F&F** 84:99). Na ireo olona nofinidiny ireo aza anefa dia tsy maintsy voantso sy voafidy eo amin' ity fiainana ity mba hahazoany ny famonjena.

FIFOSANA. *Jereo koa* Fitenenan-dratsy; Tsafo

Manely toe-javatra na vaovao manokana momba ny olona iray hafa, tsy omban' ny faneken' ilay olona.

Hampamoahina amin' ny teny foana rehetra izay holazainy ny olona, **Mat.** 12:36. Anarina ny olomasina tsy ho manta vava, tsy hitsaraingona, tsy hiteny izay tsy tokony hoteneniny, **1 Tim.** 5:11–14. Tsy miteny ratsy ny

namanao ianao, **F&F** 42:27. Ampahe-rezo amin' ny resakao rehetra ny rahalahianao, **F&F** 108:7.

FIHAVANANA. *Jereo koa*
Firaizan-kina; Fitiavana

Ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, dia anisan' ny fihavanana ny finiavana hifankazatra amim-pitiavana amin' ny olona, ny fanompoana, ny fanohanana ary ny fampaherezana azy.

Tiava ny namanao tahaka ny tenanao, **Lev.** 19:18 (Mat. 19:19; **F&F** 59:6). Rehefa miova fo ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao, **Lio.** 22:32. Mpianatro ianareo raha mifankatia, **Jao.** 13:35. Fahano ny ondriko, **Jao.** 21:15–17. Niangavy izy ireo mba horaisinay ho adidy ny firalahahiana amin' ny fonompoana ny Olomasina, **2 Kor.** 8:1–5. Ny fihavananay dia amin' ny Ray sy amin' ny Zanany, **1 Jn.** 1:3. Nifampihavana ny Nefita sy ny Lamanita, **Hel.** 6:3. Aoka ny olona tsirairay hihevitra ny rahalahiny ho toy ny tenany, **F&F** 38:24–25. Raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy, **F&F** 38:27. Izaho dia mandray anao amin' ny fihavanana mba ho namanao sy rahalahinao, **F&F** 88:133.

FIJANGAJANGANA. *Jereo koa*
Fahadiovam-pitondrantena;
Fanitsakitsaham-bady; Manarana
ny filan' ny nofo

Firaizana ara-nofo tsy ara-dalàna eo amin' ny olona roa tsy mpivady. Ampiasaina tsindraindray koa izany ao amin' ny soratra masina ho sarin' ny apôstazia.

Aza manery ahy fa tsy fanao ny zavatra toy izany, **2 Sam.** 13:12. Fadio ny fijangajangana, **Asa** 15:20. Ny vatana dia tsy natao ho an' ny fijangajangana fa ho an' ny Tompo, **1 Kor.** 6:13–18. Mba hisorohana ny fijangajangana, dia aoka ny lehilahy tsirairay samy hana-na ny vadiny avy, **1 Kor.** 7:2–3. Izao no sitrapon' Andriamanitra dia ny hifadianareo ny fijangajangana, **1 Tes.** 4:3. Nampitandrina ny vahoakan' i Nefia

tamin' ny fijangajangana i Jakôba, **Jkb.** 3:12. Masaka ho amin' ny famongorana ianareo noho ny famonoanareo olona sy ny fijangajanganareo, **Hel.** 8:26. Tsy maintsy mibebaka ny mpijangajanga mba hilatsahany ho mpikambana ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 42:74–78.

FIJINJÀNA. *Jereo Fararano*

FIJOROANA HO

VAVOLOMBELONA. *Jereo koa*

Fanahy Masina; Mijoro ho

Vavolombelona; Vavolombelona

Fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona ara-panahy omen' ny Fanahy Masina. Ny fijoroana ho vavolombelona dia mety koa ho fanambarana ôfisialy na ara-dalàna momba izay heverin' ny olona iray ho fahamarinana (**F&F** 102:26).

Fantatro fa velona ny mpanavotro, **Joba** 19:25–26. Aza menatra ny ho vavolombelon' ny Tompontsika, **2 Tim.** 1:8. Ny filazana an' i Jesoa no fanahin' ny faminiana, **Fan.** 19:10. Mijoroa ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra, **Môsià** 18:9. Tsy nisy lalan-kafa ahazoana manitsy ny vahoaka raha tsy ny filofosana amin' ny fanambarana tsisy tsiny hanoherana azy, **Almà** 4:19–20. Izaho manana ny zava-drehetra ho toy ny fanambarana fa ireo zavatra ireo dia marina, **Almà** 30:41–44. Tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo, **Ete.** 12:6. Tsy nilaza fiadanana ho an' ny sainao va Aho momba io toe-javatra io? Inona no vavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao noho izay avy amin' Andriamanitra? **F&F** 6:22–23. Ary ankehitriny, aorian' ireo fanambarana maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny fanambarana, ny farany amin' ny rehetra, izay ataonay momba Azy, **F&F** 76:22–24. Nani-raka anareo Aho ho vavolombelona manambara sy hampitandrina ny olona, **F&F** 88:81–82. Efa maty ankehitriny ireo mpanao ny didim-pananana ary manan-kery ny didim-pananany,

F&F 135:4–5. Tazan' i Enoka ireo anjely sady vavolombelona nanambara ny Ray sy ny Zanaka, **Mos.** 7:27. Na dia nankahalaina sy nenjehina aza aho noho ny filazana fa nahita fahitana, dia izany anefa no marina, **JS—T** 1:24–25.

FIKOMIANA. *Jereo koa Apôstazia;*

Devoly; Fahotana;

Mimonomonona

Fihantsiana na fanoherana ny Tompo, ka isan' izany ny fandavana hanaraka ireo mpitondra nofinidiny sy ny finia-vana tsy hankatò ny didiny.

Fa aza miodina amin' ny Tompo hianareo, **Nom.** 14:9. Ny maditra dia fatrapitady ny ratsy, **Ohab.** 17:11. Lozan' ny zaza maditra, **Isa.** 30:1. Ny Tompo tsy manavotra ireo izay mikomy Aminy ary maty ao amin' ny fahotany, **Môsià** 15:26. Nikomy am-pahibemaso tamin' Andriamanitra ny Amlisita, **Almà** 3:18–19. Hotrobaran' alahelo mafy ny mpikomy, **F&F** 1:3. Mirehitra amin' ny mpikomy ny fahatezeran' ny Tompo, **F&F** 56:1 (**F&F** 63:1–6). Nikomy tamin' Andriamanitra i Satana, **Mos.** 4:3.

FILANKEVITRA AVO

Filankevitra ny mpisorona avo roa ambin' ny folo.

Tamin' ny fotoana niandohan' ny Fiangonana naverina ho amin' ny laoniny, ny teny hoe *filankevitra avo* dia nanondro vondrom-pitondrana roa: (1) ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folon' ny Fiangonana (**F&F** 107:33, 38); ary (2) ny filankevitra avo manompo any anivon' ny tsatòka tsirairay (**F&F** 102; 107:36).

FILANKEVITRY NY ROAMBINI-FOLOLAHY. *Jereo Apostoly*

FILAZANA ÔFISIALY—1. *Jereo koa*
Fanambadiana—Fampakaranana
vady maro; Manifestô; Woodruff,
Wilford

Natonta ao amin' ny pejy famaranana

ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana ny ampahany voalohany amin' ny Filazana Ôfisialy, ary fantatra koa amin' ny hoe "Manifestô." Nomen' ny Filoha Wilford Woodruff izany ary natolotra ny mpikamban' ny Fiangonana tamin' ny fihanoambe ny 6 Ôktôbra 1890. Nanomboka ny taona 1862 sy ny dimy amby roapolo taona nanaraka dia lalàna maro no nametraka tsy ho ara-dalàna ny fampakarana vady maro tany Etazonia. Nasehon' ny Tompo an' i Wilford Woodruff tamin' ny fahitana sy ny fanambarana ny zavatra hitranga raha tsy mampitsahatra ny fampakarana vady maro ny Olomasina. Manambara amin' ny fomba hentitra ny Manifestô fa tsy atao intsony ny fampakarana vady maro.

FILAZANA ÔFISIALY—2. *Jereo koa* Fisoronana; Kimball, Spencer W.

Fanambarana miendrika fotopampianarana mikasika ny olona afaka miha-zona ny fisoronana' Andriamanitra, izay voatonta ankehitriny ao amin' ny pejy farany amin' ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana. Tamin' ny fiandohan' ny volana Jona 1978, dia nanambara tamin' ny Filoha Spencer W. Kimball ny Tompo fa tokony homena ireo lehilahy mpikambana mendrika rehetra ny fisoronana. Iza-ny dia nahatonga ny fisoronana ho azon' ny lehilahy mendrika rehetra, ary koa ny fitahian' ny tempoly ho azon' ny mpikambana mendrika rehetra, ka tsy ijerena firazanana na volon-koditra. Natolotra ny fihao-namben' ny fiangonana io filazana io ny 30 Septambra 1978 ary lanin' ny daholobe.

FILAZANTSARA. *Jereo koa* Drafitry ny Fanavotana; Fotoampitantana; Fotopampianaran' i Kristy

Drafitry ny famonjen' Andriamanitra, azo tanterahina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Tafiditra ao amin' ny filazantsara ny fahamarinana na ny lalàna mandrakizay,

ireo fanekepihavanana sy ôrdônansy ilaina ho an' ny olombelona mba hiverenana eo anatrehan' Andriamanitra. Naverin' Andriamanitra indray teto an-tany tamin' ny alalan' i Joseph Smith Mpaminany ny fahafenoan' ny filazantsara tamin' ny taonjato fahasi-vy ambin' ny folo.

Mandehana eran' izao tontolo izao ianareo ka mitoria ny filazantsara, **Mar.** 16:15. Efa notanana ny ampahany tsotra sy tena sarobidy amin' ny filazantsaran' ny Zanakondry, **1 Ne.** 13:32. Iza no filazantsarako, **3 Ne.** 27:13–21 (F&F 39:6). Mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsara ny Bokin' ny Môrmôna, **F&F** 20:8–9 (F&F 42:12). Iza no filazantsara, **F&F** 76:40–43. Ny Fisoronana Melkizedeka dia mitantana ny filazantsara, **F&F** 84:19. Samy handre ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny fiteniny avy ny olona tsirairay, **F&F** 90:11. Nitory ny filazantsara tamin' ireo fanahin' ny maty ny Zanaka, **F&F** 138:18–21, 28–37. Efa notorina hatrany am-piandohana ny filazantsara, **Mos.** 5:58. Voalaza ireo fitsipika sy ôrdônansin' ny filazantsara, **Fp.** 1:4.

FILAZANTSARA. *Jereo koa* Jaona, Zanakalahin' i Zebedio; Lioka; Marka; Matio

Ireo rakitsoratra na tenivavolombelona efatra momba ny fiainan' i Jesoa teto an-tany mbamin' ireo toe-javatra mifandraika amin' ny asa fanompoa-ny dia voarakitra ao amin' ireo boky efatra voalohany amin' ny Testamenta Vaovao. Nosoratan' i Matio, i Marka, i Lioka ary i Jaona ireo sady tenivavolombelona voarakitra ny amin' ny fiainan' i Kristy. Ny boky 3 Nefia, ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia mitovy amin' ny lafiny maro amin' ireo Filazantsara efatry ny Testamenta Vaovao ireo.

Nosoratana tamin' ny teny Grika ireo bokin' ny Testamenta Vaovao tany am-piandohana. Ny teny Grika misolo ny *filazantsara* dia "Vaovao mahafaly" no heviny. Ny vaovao mahafaly dia

izao: efa vitan' i Jesoa Kristy ny sorompanavotana izay hanavotra ny olombelona rehetra amin' ny fahafatesana ka hamaly ny olona tsirairay araka ny asany (Jao. 3:16; Rom. 5:10–11; 2 Ne. 9:26; Almà 34:9; F&F 76:69).

Firindran' ireo Filazantsara: Azo ampi-

tahaina ny fampianarana samy fampianaran' ny Mpamonjy ao amin' ny Matio, Marka, Lioka ary Jaona ary azo ampitahaina amin' ny fanambaran' ny andro farany araka izao manaraka izao:

FIRINDRAN' IREO FILAZANTSARA

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Tetiarana momba an' i Jesoa	1:2–17		3:23–38		
Fahaterahan' i Jaona Mpanao Batisa			1:5–25, 57–58		
Fahaterahan' i Jesoa	2:1–15		2:6–7		1 Ne. 11:18–20; 2 Ne. 17:14; Môsià 3:5–8; Almà 7:10; Hel. 14:5–12; 3 Ne. 1:4–22
Faminanian' i Simeona sy i Ana			2:25–39		
Fankanesana tao an-tempoly (Paska)			2:41–50		
Fiandohan' ny asa fanompoan' i Jaona	3:1, 5–6	1:4	3:1–3	1:6–14	
Natao batisa i Jesoa	3:13–17	1:9–11	3:21–22	1:32–34	1 Ne. 10:7–10; 2 Ne. 31:4–21
Fakana fanahy an' i Jesoa	4:1–11		4:1–13		
Tenivavolombelon' i Jaona Mpanao Batisa				1:15–36	F&F 93:6–18, 26

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Lanonana fampakaram-bady tao Kana (Fahagagana voalohany nataon' i Jesoa)				2:1–11	
Fanadiovana voalohany ny tempoly				2:14–17	
Fihaonana tamin' i Nikodemosy				3:1–10	
Ilay vehivavy Samaritana teo amin' ny fantsakana				4:1–42	
Jesoa nolavina tao Nazareta	4:13–16		4:16–30		
Mpanarato nantsoina ho mpanarato olona	4:18–22	1:16–20			
Famenoana mahagaga ny harato			5:1–11		
Fananganana ny zanakavavin' i Jairo tamin' ny maty	9:18–19, 23–26	5:21–24, 35–43	8:41–42, 49–56		
Fanasitranana an' ilay vehivavy mitsi-dra	9:20–22	5:25–34	8:43–48		
Fiantsoana ny Roambinifololahy	10:1–42	3:13–19; 6:7–13	6:12–16; 9:1–2; 12:2–12, 49–53		1 Ne. 13:24–26, 39–41; F&F 95:4
Fananganana ny zanakalahin' ilay mananontena tamin' ny maty			7:11–15		

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Fanosorana menaka ny tongotr' i Kristy			7:36–50	12:2–8	
Fampitoniana ny tafiotra		4:36–41	8:22–25		
Fiantsoana ny Fitopololahy			10:1		F&F 107:25, 34, 93–97
Fandroahana ny devoly marobe hankao amin' ny kisoa		5:1–20			
Ny Toriteny teo an-Tendrombohitra	5–7		6:17–49		3 Ne. 12–14
Ireo fanoharana nataon' i Jesoa dia tantara fohy izay mampitaha zavatra na toe-javatra fahita amin' ny fahamarinana. Nampiasain' i Jesoa matetika ireny hampianarana fahamarinana ara-panahy.					
Mpamafy:	13:3–9, 18–23	4:3–9, 14–20	8:4–8, 11–15		
Voantsimparifary:	13:24–30, 36–43				F&F 86:1–7
Voan-tsinapy:	13:31–32	4:30–32	13:18–19		
Masirasira:	13:33		13:20–21		
Harena nafenina tany an-tsaha:	13:44				
Voahangy lafo vidy:	13:45–46				
Harato tarihina:	13:47–50				
Ilay tompon-trano:	13:51–52				
Ilay ondry very:	18:12–14		15:1–7		

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Ny farantsakely very:			15:8–10		
Ilay zanaka adala:			15:11–32		
Ilay mpanompo ratsy fanahy:	18:23–35				
Ilay Samaritana tsara fanahy:			10:25–37		
Ilay mpitandri-na tsy marina:			16:1–8		
Lazarosy sy ilay mpanankarena:			16:14–15, 19–31		
Ilay mpitsara tsy marina:			18:1–8		
Ny Mpiandry ondry Tsara:				10:1–21	3 Ne. 15:17–24
Ireo mpiasa tao an-tanimboaloboka:	20:1–16	10:31			
Ny farantsa folo:			19:11–27		
Ireo zanaka roa lahy:	21:28–32				
Ireo mpiasa tany ratsy fanahy:	21:33–46	12:1–12	20:9–20		
Ilay fampakaram-bady ny zanakalahin' ny mpanjaka:	22:1–14		14:7–24		
Virijiny folo:	25:1–13		12:35–36		F&F 45:56–59
Ny amin' ny talenta:	25:14–30				

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Ny ondry sy ny osy:	25:31–46				
Ny namokisana ny olona tsy omby dimy arivo	14:16–21	6:33–44	9:11–17	6:5–14	
Ny nandehanan' i Jesoa teny ambonin' ny rano	14:22–33	6:45–52		6:16–21	
Ny tenivavolombelon' i Petera momba an' i Kristy	16:13–16	8:27–29	9:18–20		
I Petera nampantenaina ny fanalahidin' ny fanjakana	16:19				
Toriteny ny amin' ny mofon' aina				6:22–71	
Ny nanasitranana an' ilay olona jamba tamin' ny Sabata				9:1–41	
Ny fiovan-tarehy; fanolorana ny fanalahidin' ny fisoronana	17:1–13	9:2–13	9:28–36		F&F 63:20–21; 110:11–13
Ny nitsofan-drano ny ankizy	19:13–15	10:13–16	18:15–17		
Vavaka nampianarin' ny Tompo	6:5–15		11:1–4		
Ny nananganana an' i Lazarosy tamin' ny maty				11:1–45	
Ny fidirana nanakoako tao Jerosalema	21:6–11	11:7–11	19:35–38	12:12–18	

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Ny nandroahana ny mpanakalo vola hiala ny tempoly	21:12–16	11:15–19	19:45–48		
Ilay mpitondra- na nandatsaka farantsakely roa		12:41–44	21:1–4		
Lahateny ny amin' ny Fiavina Fanindroany	24:1–51	13:1–37	12:37–48; 17:20–37; 21:5–38		F&F 45:16–60; JS—M 1:1–55
Ny nanasitrana ireo boka folo			17:12–14		
Ny Paska farany nankalazain' i Jesoa; najoro ny fanasan' ny Tom-po; toromarika ho an' ny Roambinifololahy; ny nanasana ny tongotry ny mpianatra	26:14–32	14:10–27	22:1–20	13–17	
Ny nijalian' i Jesoa tao Getsemane	26:36–46	14:32–42	22:40–46		2 Ne. 9:21–22; Môsià 3:5–12; F&F 19:1–24
Jesoa no tena voaloboka				15:1–8	
Ny famadihan' i Jodasy	26:47–50	14:43–46	22:47–48	18:2–3	
Ny fitsarana teo anatrehan' i Kaiafa	26:57	14:53	22:54, 66–71	18:24, 28	
Ny fitsarana teo anatrehan' i Pilato	27:2, 11–14	15:1–5	23:1–6	18:28–38	
Ny fitsarana teo anatrehan' i Heroda			23:7–10		

Toe-javatra	Matio	Marka	Lioka	Jaona	Fanambaran' ny Andro Farany
Ny nikapohana sy ny nanesoana an' i Jesoa	27:27-31	15:15-20		19:1-12	
Ny fanomboana	27:35-44	15:24-33	23:32-43	19:18-22	Hel. 14:20-27; 3 Ne. 8:5-22; 10:9
Ny fitsanganana amin' ny maty	28:2-8	16:5-8	24:4-8		
Ny nisehoan' i Jesoa tamin' ny mpianatra		16:14	24:13-32, 36-51	20:19-23	
Ny nisehoan' i Jesoa tamin' i Tomasy				20:24-29	
Ny niakaran' i Jesoa ho any an-danitra		16:19-20	24:50-53		

FILAZANTSARA, FAMERENANA AMIN' NY LAONINY. *Jereo*
Famerenana amin' ny laoniny ny
Filazantsara

FILEMONA. *Jereo koa* Paoly

Lehilahy Kristiana ao amin' ny Testamenta Vaovao, tompon' ny andevo Onesimosy izay nandositra sy nanka-ny amin' i Paoly. Naverin' i Paoly tany amin' i Filemona i Onesimosy, niaraka tamin' ny taratasy izay mangataka ny hamelan' i Filemona an' ilay andevo.

FILEMONA, EPISTILY HO AN' I.

Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly

Boky ao amin' ny Testamenta Vaovao izay nalaina avy amin' ny taratasy nosoratan' i Paoly: ny taratasin' i Paoly ho an' i Filemona dia taratasy manokana momba an' i Onesimosy izay andevo nandroba an' i Filemona tompony sy nandositra tany Roma. Naverin' i Paoly tany amin' ny tompony tany Kolosy izy,

niaraka tamin' i Tykiko izay nitondra ny taratasin' i Paoly ho an' ny Kolosiana. Nangataka ny hamelana an' i Onesimosy sy ny handraisana azy toy ny samy Kristiana i Paoly. Nanoratra io taratasy io i Paoly fony izy nigadra voalohany tany Roma.

FILIPIANA, EPISTILY HO AN' NY.

Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly

Taratasy nosoratan' i Paoly ho an' ny Olomasina tany Filipo fony izy nigadra voalohany tany Roma. Ny bokin' ny Filipiana ao amin' ny Testamenta Vaovao izany ankehitriny.

Toko 1: mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy ny fampianarany momba ny firaisankina, ny fanetren-tena ary ny faharetana. Toko 2: manamafy fa handohalika amin' i Kristy ny olon-drehetra ary tsy maintsy miasa ho an' ny fanavotana ny tenany ny olona tsirairay. Ao amin' ny toko 3 no anazavan' i Paoly fa namoy ny zava-drehetra ho an' i Kristy izy. Toko 4: fisaoran' i

Paoly ireo Olomasina Filipiana noho ny fanampiany.

FILIPO

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, i Filipo avy any Betsaida dia iray amin' ireo Apostolin' ny Tompo roa ambin' ny folo voalohany (Mat. 10:2-4; Jao. 1:43-45).

Ilay Filipo iray hafa dia iray amin' ireo fitolahy nofinidy hanampy ny Apostoly Roa ambin' ny folo (Asa 6:2-6). Nitory teny tany Samaria sy tamin' ilay tandapa Etiopiana izy (Asa 8).

FILISTINA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, foko izay niandoha tany Kaftora (Amo. 9:7) ary nonina tamin' ny tany lemaka teo amin' ny morontsirak' i Mediteranea, nanomboka teo Jopa ka nipaka hatra-ny amin' ny efitr' i Egipta talohan' ny andron' i Abrahama (Gen. 21:32). Nifandrafy an' ady ny Filistina sy ny Isiraelita nandritra ny taona maro. Farany dia lasa anara-mahazatra ian-tsoana ny Tany Masina ny anarana Palestina izay anaran' ilay faritany Filistina.

Ny zanak' i Isiraely dia natolotry ny Tompo teo an-tanan' ny Filistina efa-polo taona, **Mpits.** 13:1. Niady tamin' ny Filistina i Samsona, **Mpits.** 13-16. Goliata dia Filistina avy any Gata, **1 Sam.** 17. Nandresy ny Filistina i Davida, **1 Sam.** 19:8.

FILOHA. *Jereo koa* Fiadidiana

Voalohany; Mpaminany

Anaram-boninahitra entin' ny mpitarika mpiahy ny fikambanana iray. Ny filohan' ny Fiangonana dia mpaminany sy mpahita ary mpanambara (F&F 21:1; 107:91-92), ary ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana dia tokony hiantso ny mpaminanin' ny Fiangonana amin' ny anaram-boninahitra "Filoha" (F&F 107:65). Izy no hany olona eto an-tany nomem-pahefana hampiasa ny fanalahidy rehetra an' ny fisoronana.

Ireo lohan' ny kôlejin' ny fisoronana sy ny lamina hafa ao amin' ny Fiangonana dia mety hitondra ny anaram-boninahitra filoha ihany koa.

Nomen' ny Tompo an' i Joseph Smith ny fanalahidin' ny fanjakana, **F&F** 81:1-2. Mpisorona Avo Miahy telo no miforona ho kôlejin' ny Fiadidian' ny Fiangonana, **F&F** 107:21-24. Ireo filoha dia natokana araka ny lamin' i Melkizedeka, **F&F** 107:29. Filazalazana momba ny andraikitry ny filoha, ny diakona, ny mpampianatra, ny mpisorona ary ny loholona, **F&F** 107:85-89 (F&F 124:136-38, 142). Misy filoha fito eo anivon' ny Fitopololahy, **F&F** 107:93-95. Notendrena ny filohan' ny tsatòka, **F&F** 124:133-35.

FILOKANA. *Jereo* An-Tsapaka

FINOANA. *Jereo koa* Fanantenana;

Jesoa Kristy; Matoky; Tsy Finoana

Mino olona na manaiky zavatra ho marina. Tsy maintsy mibebaka ny olona ary mino an' i Jesoa Kristy mba hovonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra (F&F 20:29).

Araka ny ampiasana azy matetika tokoa ao amin' ny soratra masina, ny finoana dia ny fahazoana antoka sy ny fitokiana an' i Jesoa Kristy, izay mitarika ny olona hankatò Azy. Tsy maintsy miompana amin' i Jesoa Kristy ny finoana mba hitarihan' iza-ny ny olona ho amin' ny famonjena. Ny Olomasin' ny Andro Farany koa dia manana finoana an' Andriamanitra Ray, ny Fanahy Masina, ny herin' ny fisoronana ary ireo lafiny lehibe hafa ao amin' ny filazantsara naverina ho amin' ny laoniny.

Anisan' ny finoana ny fanantenana ny zavatra izay tsy hita nefa marina (Heb. 11:1; Almà 32:21; Ete. 12:6). Ny finoana dia arehitry ny fihainoana ny filazantsara ampianarin' ireo olona nomem-pahefana sady nirahin' Andriamanitra (Rom. 10:14-17). Ny fahagagana dia tsy miteraka finoana fa ny finoana mahery dia azo avy amin' ny

fankatoavana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Amin' ny teny hafa, ny finoana dia tonga amin' ny alalan' ny fahamarinana (Almà 32:40–43; Ete. 12:4, 6, 12; F&F 63:9–12).

Ny finoana marina dia mitondra fahagagana, fahitana, tsindrimandry, fanasitranana ary ireo fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra, ka omeny ny olomasiny. Amin' ny alalan' ny finoana no ahazoan' ny olona ny famelana ny fahotany ary ahaizany mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra amin' ny farany. Ny tsy fananana finoana dia mitarika ho amin' ny famoizam-po izay tonga noho ny heloka (Môrô. 10:22).

Minoa an' i Jehovah Andriamanitra-reo; minoa ny mpaminaniny, **2 Tan.** 20:20. Tsy naratra i Daniela tao an-davaky ny liona satria nino an' Andriamanitra izy, **Dan.** 6:23. Ho velon' ny finoana ny marina, **Hab.** 2:4. Tongava aminao araka ny ninoanao, **Mat.** 8:13. Ny finoanao no efa nahasitrana anao, **Mat.** 9:22 (Mar. 5:34; Lio. 7:50). Tongava aminareo araka ny finoanareo, **Mat.** 9:29. Raha manana finoana hoatra ny voan-tsina-py iray aza ianareo, dia tsy misy na inona na inona tsy ho hainareo hatao, **Mat.** 17:20 (Lio. 17:6). Na inona na inona angatahinareo amin' ny fivavahana atao amin' ny finoana dia ho azonareo, **Mat.** 21:22. Aza matahotra, minoa fotsiny ihany, **Mar.** 5:36. Ny zavatra rehetra dia hain' izay mino, **Mar.** 9:23–24. Izay mino sy atao batisa no hovonjena, **Mar.** 16:16 (2 Ne. 2:9; 3 Ne. 11:33–35). Nivavaka ho anao Aho mba tsy ho levona ny finoanao, **Lio.** 22:32. Izay mino ny Zanaka no manana ny fiainana maharitra mandrakizay, **Jao.** 3:16, 18, 36 (Jao. 5:24; F&F 10:50). Izahay mino ka mahalala fa Ianao no Kristy, **Jao.** 6:69. Izay mino Ahy na dia maty aza dia ho velona indray, **Jao.** 11:25–26. Ny finoana ny anaran' i Kristy no efa nampahatanjaka ity lehilahy ity, **Asa** 3:16. Ny finoana dia avy amin' ny fihainoana ny tenin' Andriamanitra, **Rom.** 10:17.

Raha tsy natsangana tamin' ny maty i Kristy, dia foana koa ny finoanareo, **1 Kor.** 15:14. Ny finoana dia miasa amin' ny fitiavana, **Gal.** 5:6. Amin' ny fahasoavana no amonjena anareo amin' ny alalan' ny finoana, **Ef.** 2:8 (2 Ne. 25:23). Tano ny finoana ho ampinga, **Ef.** 6:16 (F&F 27:17). Efa nahavita ny fihazakazahako aho, efa nahatana ny finoana aho, **2 Tim.** 4:7. Isika izay nino no miditra ny fitsaharana, **Heb.** 4:3. Ny finoana dia fitokiana ny zavatra antenaina, **Heb.** 11:1. Raha tsy misy ny finoana, dia tsy misy azo atao ahazoana sitraka aminy, **Heb.** 11:6. Ny finoana, raha tsy misy asa dia maty, **Jak.** 2:17–18, 22. Ny hinoantsika an' i Jesoa Kristy sy ny hifankatiavantsika, **1 Jn.** 3:23. Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, **1 Ne.** 3:7. Hain' ny Tompo ny manao ny zava-drehetra ho an' ny zanak' olombelona, raha toa ka mampihatra ny finoana Azy izy, **1 Ne.** 7:12. Nihe-tsika araka ny finoana ireo sahaza teo amin' ny Liahôna, **1 Ne.** 16:28. Tsy hamongotra izay mino Azy ny Mesia, **2 Ne.** 6:14. Mibebaha ary aoka hatao batisa amin' ny anarany rehefa manam-pinoana tanteraka ny Iray Masina, **2 Ne.** 9:23. Hoenjehina ny Jiosy mandra-paharesy lahatra azy ka hinoany an' i Kristy, **2 Ne.** 25:16. Kristy dia manao fahagagana lehibe eo anivon' ny zanak' olombelona araka ny finoany avy, **2 Ne.** 26:13 (Ete. 12:12; Môrô. 7:27–29, 34–38). Voavela ny fahotan' i Enôsa noho ny finoany an' i Kristy, **Enô.** 1:3–8. Tsy ho tonga amin' ny olona ny famonjena raha tsy amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo, **Môsià** 3:12. Raha mino izany zavatra izany ianareo dia ezaho ny anaovanareo izany, **Môsià** 4:10. Miova ny fo amin' ny alalan' ny finoana ny anarany, **Môsià** 5:7. Ny fivavaky ny mpanompon' Andriamanitra dia valiana arakaraka ny finoany, **Môsià** 27:14. Ny Zanaka dia haka ho eo Aminy ny fandikan-dalàn' ireo izay mino ny anarany, **Almà** 11:40. Omeo anay ny hery araka ny finoanay an'

i Kristy, **Almà** 14:26. Antsoy amin' ny finoana ny anaran' Andriamanitra, **Almà** 22:16. Sambatra izay mino tsy an-tery ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 32:16. Ny finoana dia tsy ny fananana fahalalana tomombana ny zavatra, **Almà** 32:21 (Ete. 12:6). Na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny maniry ny hino aza ianareo, dia aoka izany faniriana izany hiasa ao aminareo, **Almà** 32:27. Rehefa manomboka mitombo izy dia fahano amin' ny finoanareo, **Almà** 33:23 (**Almà** 32:28). Notsimbinin' ny hery mahagaga avy amin' Andriamanitra izy ireo noho ny finoany izaitsizy, **Almà** 57:25–27. Izay rehetra hiandrandra amimpinoana ny Zanak' Andriamanitra dia mety ho velona, **Hel.** 8:15. Raha mino ny anaran' i Kristy ianareo dia hibe-baka, **Hel.** 14:13. Ireo izay mino an' i Kristy dia mino ny Ray koa, **3 Ne.** 11:35. Hitako fa ampy ny finoanareo hanasitrana anareo, **3 Ne.** 17:8. Na oviana na oviana ny olona dia tsy nino ny Tompo toy ny ninoan' ny rahalahin' i Jarèda Azy, **Ete.** 3:15. Ny finoana dia ny zavatra izay antenaina nefa tsy hita, **Ete.** 12:6. Ireo rehetra izay nanao fahagagana dia nanao izany tamin' ny finoana, **Ete.** 12:12–18. Raha manampinoana Ahy izy, dia hataoko tonga matanjaka ho azy ny zavatra malemy, **Ete.** 12:27–28, 37. Nampianatra ny momba ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana i Môrmôna, **Môrô.** 7. Ny zavatra rehetra izay mandresy lahatra mba hino an' i Kristy dia alefan' ny herin' i Kristy, **Môrô.** 7:16–17. Na inona na inona zavatra izay tsara ka hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako amin' ny finoana, rehefa mino fa handray ianareo, dia indro, hatao aminareo izany, **Môrô.** 7:26. Ireo izay manam-pinoana an' i Kristy dia hifikitra amin' ny zavatra tsara rehetra, **Môrô.** 7:28. Raha manontany ianareo sady manam-pinoana an' i Kristy, dia haneho ny fahamarinana Izy, **Môrô.** 10:4. Ireo izay mino ny tenin' ny Tompo dia homena ny fanehoana ny Fanahy, **F&F** 5:16. Raha tsy misy ny

finoana, dia tsy mahavita na inona na inona ianareo; koa mangataha amin' ny finoana, **F&F** 8:10. Hotovina amin' izy ireo araka ny finoany ao amin' ny fivavany izany, **F&F** 10:47, 52. Ireo izay mino ny anaran' ny Tompo dia ho tonga zanak' Andriamanitra, **F&F** 11:30 (Jao. 1:12). Tsy maintsy maharitra amin' ny finoana ny anarany hatramin' ny farany ny olon-drehetra, **F&F** 20:25, 29. Ny fanamarinana amin' ny alalan' ny fahasoaan' i Kristy dia mahitsy sy marina, **F&F** 20:30. Homena anareo amin' ny fivavaky ny finoana ny Fanahy, **F&F** 42:14. Ny sasany dia omena mba hino ny tenin' ny hafa, **F&F** 46:14. Famantarana no hanaraka ireo izay mino, **F&F** 58:64 (**F&F** 63:7–12). Tsy avy amin' ny famantarana ny finoana fa ny famantarana no manaraka ireo izay mino, **F&F** 63:9–12. Tokony hampianatra ny zanany ny finoana an' i Kristy ny ray amandreny, **F&F** 68:25. Katsahonareo ny fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana, ary koa amin' ny alalan' ny finoana, **F&F** 88:118. Ireo izay mino, mibebaka ary atao batisa dia handray ny Fanahy Masina, **Mos.** 6:52. Ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo no fitsipika vaalohan' ny filazantsara, **Ep.** 1:4.

FIOMBONANA. *Jereo Fanasan' ny Tompo*

FIOVAM-PO. *Jereo koa Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra; Mpianatra*

Manova ny finoana, ny fo ary ny fiainana mba hanaiky sy hankatò ny sitrapon' Andriamanitra (**Asa** 3:19).

Hita amin' ny fiovam-po ny finiavana hahafoy ny fomba taloha sy hiova mba ho tonga mpianatr' i Kristy. Ny fibebahana, ny batisa ho famelana ny fahotana, ny fandraisana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahana-tanana ary ny finoana tsy an-kiato an' i Jesoa Kristy Tompo no mahafeno tanteraka ny fiovam-po. Ny olona araka ny nofo dia hovaina ho

olom-baovao izay hamasinina sy madio, ateraka indray ao amin' Kristy Jesoa. (2 Kor. 5:17; Môsià 3:19).

Tsy maintsy miova fo ny olona ka tonga tahaka ny ankizy madinika, **Mat.** 18:3 (Môsià 3:19). Rehefa miova fo ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao, **Lio.** 22:32. Ireo izay nandray tamin-kafaliana ny teniny dia natao batisa, **Asa** 2:37–41. Aoka hampibebaka ny mpanota hiala amin' ny hadisoan' ny lalany, **Jak.** 5:20. Niova fo i Enôsa, **Enô.** 1:2–5. Ny tenin' i Benjamin Mpanjaka dia nahatonga fiovana mahery vaika tao amin' ny vahoaka, **Môsià** 5:2 (Almà 5:12–14). Ny olombelona rehetra dia tsy maintsy ateraka indray, eny, aterak' Andriamanitra, **Môsià** 27:25. Niova fo i Almà sy ireo zanakalahin' i Môsià, **Môsià** 27:33–35. Niova fo ny rain' i Lamônia, **Almà** 22:15–18. Niova fo ho an' ny Tompo izy ireo noho ny hery sy ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 53:10. Mitondra fiovam-po ny fibebahana, **Hel.** 15:7. Izay rehetra niova fo dia nampiseho marina tokoa fa izy dia efa novangiana tamin' ny hery sy ny Fanahin' Andriamanitra, **3 Ne.** 7:21. Noho ny finoana an' i Kristy tamin' ny fotoana niovary fo, dia natao batisa tamin' ny afo sy ny Fanahy Masina izy ireo, **3 Ne.** 9:20. Handeha izy ireo ary hitory fibebahana, ary ny maro hiova fo, **F&F** 44:3–4.

FIOVAN-TAREHY. *Jereo koa*

Fanalahidin' ny Fisoronana;
Jesoa Kristy

Toe-tenan' ireo olona izay novana vetivety ny endriny sy ny tenany—izany hoe nakarina amin' ny haavo ara-panahy ambony kokoa—mba hahafahany mahatanty ny fanatrehana sy ny voninahitr' ireo olon' ny lanitra.

Fiovan-tarehin' i Kristy: Nahita ny Tompo feno voninahitra sy niova tarehy i Petera sy i Jakoba ary i Jaona. Efa nampanantena mialoha ny Tompo fa handray ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra i Petera (Mat. 16:13–19;

17:1–9; Mar. 9:2–10; Lio. 9:28–36; 2 Pet. 1:16–18). Tamin' izany fotoana lehibe izany no nanomezan' ny Mpanonjy sy Mosesy ary Elià (Elia) ireo fanalahidin' ny fisoronana efa nampantenaina tamin' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona. Niaraka tamin' ireo fanalahidin' ny fisoronana ireo no nananan' ny Apostoly ny fahefana hanohy ny asan' ny fanjakana taorian' ny niakaran' i Jesoa.

Nampianarin' i Joseph Smith fa teo amin' ny tendrombohitry ny fiovan-tarehy dia niova tarehy koa i Petera sy i Jakoba ary i Jaona. Hitan' izy ireo tamin' ny fahitana ny tany, araka izay ho endriny amin' ny toetra feno voninahitra any aoriana (F&F 63:20–21). Hitan' izy ireo i Mosesy sy Elia izay olona roa novana, ary reny ny feon' ny Ray. Hoy ny Ray: “Ity no Zanako malalako izay sitrako, Izy no henoy” (Mat. 17:5).

Olona niova tarehy: Nahita ny Andriamanitra ny Isiraely izy, **Eks.** 24:9–11. Namirapiratra ny hoditry ny tavany noho ny nitenenany tamin' Andriamanitra, **Eks.** 34:29 (Mar. 9:2–3). Namirapiratra ny tavan' i Jesoa, **Mat.** 17:2 (Mar. 9:2–3). Tsy mahabanjina ny tavan' i Mosesy ny zanak' Isiraely noho ny voninahitry ny tavany, **2 Kor.** 3:7. Namirapiratan' ny hazavana fattratra ny tavan' i Abinad, **Môsià** 13:5–9. Voahodidina miova tsy ny tamin' ny afo izy, **Hel.** 5:23, 36, 43–45 (3 Ne. 17:24; 19:14). Izy ireo dia fotsy toy ny tarehin' i Jesoa **3 Ne.** 19:25. Fa ho azy ireo dia toy ny fiovany endrika izany, **3 Ne.** 28:15. Tsy nisy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana teo amin' ny nofo afa-tsy izay novelomin' ny Fanahy, **F&F** 67:10–12. Noho ny herin' ny Fanahy dia nosokafana ny masonay, **F&F** 76:12. Ny voninahitr' Andriamanitra dia mby teo amin' i Mosesy, **Mos.** 1:2. Mby teo amiko ny voninahiny; ary nahatazana ny tavany aho, fa novana teo anoloany ny tarehiko, **Mos.** 1:11. Nahatazana ny lanitra nisokatra aho, ary notafiana voninahitra aho, **Mos.** 7:3–4.

FIPARITAHANA. *Jereo* Isiraely —
Ny fampielezana ny Isiraely

FIRAISAN-KINA. *Jereo* koa
Andriamanitra

Tonga iray saina sy iray faniriana ary iray tanjona amin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy, ary amin' ireo olomasina avy eo.

Tsara sady mahafinaritra raha ny mpi-rahalahy no miara-monina, **Sal.** 133:1. Izaho sy ny Ray dia iray ihany, **Jao.** 10:30 (F&F 50:43). Nivavaka Jesoa mba ho iray isika tahaka ny maha iray Azy sy ny Ray, **Jao.** 17:11–23 (3 Ne. 19:23). Mananatra anareo aho, mba ho iray teny hianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, **1 Kor.** 1:10. Aoka ho lehilahy miorina ao amin' ny saina iray sy ao amin' ny fo iray, miray hina amin-java-drehetra, **2 Ne.** 1:21. Tokony hanana ny fony mifamihina ao amin' ny firaisan-kina sy ny fifankatiavan' izy samy izy ny olomasina, **Môsià** 18:21. Nivavaka i Jesoa mba ho iray ireo Nefita mpianany, **3 Ne.** 19:23. Tafaray tamin' ny vavaka mahery ary ny fifadian-kanina ny mpianatra, **3 Ne.** 27:1. Ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia iray, **F&F** 20:27–28 (F&F 35:2; 50:43). Andraikitrao ny mikambana amin' ny fiangonana marina, **F&F** 23:7. Na inona na inona hangatahinareo amin' ny finoana, amin' ny fiombonam-bavaka dia ho azonareo izany, **F&F** 29:6. Raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy, **F&F** 38:27. Ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina, **Mos.** 7:18.

FIREHAREHANA. *Jereo*
Fiavonavonana

FISANDRATANA. *Jereo* koa
Fiainana Mandrakizay;
Olona — Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra; Satroboninahitra; Sorompanavotana; Voninahitra Selestialy

Ny toetry ny hasambarana sy ny voninahitra ambony indrindra ao amin' ny fanjakana selestialy.

Eo anatrehanao no fahafenoan' ny fialiana, **Sal.** 16:11. Andriamanitra izy ireo, dia zanakalahin' Andriamanitra — koa azy ireo ny zava-drehetra, **F&F** 76:58–59. Handray ny lova ny Olomasina sy hatao mitovy Aminy, **F&F** 88:107. Ireo anjely ireo dia tsy nitoetra tamin' ny lalàko; koa tafasaraka sy mitotra mandrakizay ho manirery sy ho tokan-tena, tsy misy fisandratana, **F&F** 132:17. Tsy maintsy mivady araka ny lalàn' Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy mba hahazoana ny fisandratana, **F&F** 132:19–20. Ety ny vavahady ary tery ny lalana izay mitondra any amin' ny fisandratana, **F&F** 132:22–23. Efa niditra ao amin' ny fisandratany i Abrahama, i Isaka ary i Jakoba, **F&F** 132:29, 37. Feheziko eo amboninao ny fisandratanao, **F&F** 132:49.

FISAORANA. *Jereo* Misaotra

FISARAHAM-PANAMBADIANA.
Jereo koa Fanambadiana

Ny fifaranan' ny fanambadiana amin' ny alalan' ny fahefan' ny lalàm-pitondrana na ny lalàm-pianganona. Navelan' Andriamanitra hisy ny fisaraham-panambadiana, araka ny Testamenta Vaovao, anaty trangan-javatra sasantsasany, noho ny hamafin' ny fon' ny olona; nanazava anefa i Jesoa fa “tsy mba toy izany hatrany am-boalohany” (Mat. 19:3–12). Amin' ny ankapobeny dia mandrara ny fisaraham-panambadiana ny soratra masina ary mananatra ny lehilahy sy ny vehivavy andefimandriny mba hifankatia amimpahamarinana (1 Kor. 7:10–12; F&F 42:22).

FISORONANA. *Jereo* koa Fahefana;
Fanalahidin' ny Fisoronana;
Fanokanana; Fianianana sy
Fanekepivahanan' ny
Fisoronana; Fisoronana Aharôna;
Fisoronana Melkizedeka; Hery

Ny fahefana sy hery izay omen' Andria-

manitra ny olona hiasana amin' ny zavatra rehetra ho an' ny famonjena ny olona (F&F 50:26–27). Ireo mpi-kambana lehilahy ao amin' ny Fiangonana izay mihazona ny fisoronana dia voalamina ho kôlejy ary nomena lalana hanatanteraka ireo ôrdônansy sy ireo asa momba ny fitantanana-draharaha sasany ao amin' ny Fiangonana.

Ny fanosorana azy dia ho fisoronana maharitra mandrakizay, **Eks.** 40:15 (Nom. 25:13). Izaho no nanendry anareo, **Jao.** 15:16. Ianareo dia atsangana ho trano fanahy, ho fisoronana masina, **1 Pet.** 2:5. Ianareo dia taranaka voafidy, fanjakam-pisorona, **1 Pet.** 2:9 (Eks. 19:6). Antsoina ho mpisorona avo ny lehilahy noho ny finoany fattratra sy ny asa soany, **Almà** 13:1–12. Izaho manome fahefana anao mba hanaovanao batisa, **3 Ne.** 11:21. Ianareo dia hanam-pahefana hanome ny Fanahy Masina, **Môrô.** 2:2. Hambarako aminareo ny Fisoronana amin' ny tanan' i Elia mpaminany, **F&F** 2:1 (JS—T 1:38). Ny Tompo dia nanamafy koa ny fisoronana tamin' i Aharôna sy ny taranany, **F&F** 84:18. Ity fisoronana ambony ity dia mitantana ny filazantsara, **F&F** 84:19. Nalainy avy teo anivon' izy ireo i Mosesy, ary koa ny Fisoronana Masina, **F&F** 84:25. Filazalazana ny fianianana sy fane-kempihavanan' ny fisoronana, **F&F** 84:33–42. Efa nitohy tamin' ny alalan' ny firazanan' ireo rainareo ny fisoronana, **F&F** 86:8. Misy fisoronana roa ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 107:1. Ny fisoronana voalohany dia ny Fisoronana Masina araka ny Lamin' ny Zanak' Andriamanitra, **F&F** 107:2–4. Ireo zon' ny fisoronana dia mifamato- tra tsy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra, **F&F** 121:36. Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana raha tsy amin' ny alalan' ny fisoronana, **F&F** 121:41. Afaka mahazo ny fisoronana ireo lehilahy mpikambana mendrika rehetra ao amin' ny Fiangonana, **F&F** FO—2. Mino isika fa tsy maintsy voantson' Andriamanitra ny olona iray, **Fp.** 1:5.

FISORONANA AHARÔNA. *Jereo*
koa Aharôna, Rahalahin' i Mosesy;
Fisoronana; Lalàn' i Mosesy

Ny fisoronana ambany (Heb. 7:11–12; F&F 107:13–14). Ny anjara fanompoana ao aminy dia ny: eveka, mpisorona, mpampianatra ary diakôna (F&F 84:30; 107:10, 14–15, 87–88). Fahiny, teo ambanin' ny lalàn' i Mosesy, dia nisy ireo mpisorona avo, mpisorona ary Levita. Nambara tamin' i Mosesy ny Fisoronana Aharôna, satria nikomy tamin' Andriamanitra ny Isiraelita fahizay. Nolavin' izy ireo ny hohamasinina sy ny handray ny Fisoronana Melkizedeka mbamin' ny ôrdônansiny (F&F 84:23–25). Ny Fisoronana Aharôna dia mitantana ny ôrdônansy ara-nofa sy araka ny fomba ivelany amin' ny lalàna sy ny filazantsara (1 Tan. 23:27–32; F&F 84:26–27; 107:20). Izany dia mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny an' ny filazantsaran' ny fibebahana ary ny an' ny batisa (F&F 13). Naverina indray eto an-tany ho an' izao fotoampitantanana izao ny Fisoronana Aharôna ny 15 Mey 1829. Jaona Mpanao Batisa no nanolotra izany an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery teo amoron' ny Renirano Susquehanna, teo akaikin' i Harmony, Pennsylvania (F&F 13; JS—T 1:68–73).

Ary izy no hahazo ny fane-kempihavanan' ny fisoronana maharitra mandrakizay, **Nom.** 25:13. Hanadio an' ireo zanakalahin' i Levy ny Tompo ary handrendrika azy ireo, **Mal.** 3:3 (3 Ne. 24:3). Tsy misy maka izany voninahitra izany ho an' ny tenany, **Heb.** 5:4. Ny fahatanterahana dia tsy tonga amin' ny alalan' ny Fisoronana Levy, **Heb.** 7:11. Tsy hoesorina na oviana na oviana etỳ an-tany izany fisoronana izany ambara-panatitry ny zanakalahin' i Levy fanatitra, **F&F** 13:1. Natokana ho amin' ny Fisoronana Aharôna i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery, **F&F** 27:8. Ny fisoronana kelikely kokoa dia mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely, **F&F** 84:26 (F&F 13:1). Misy fisoronana roa, dia ny Fisoronana

Melkizedeka sy ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 107:1. Ny fisoronana faharoa dia atao hoe ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 107:13.

FISORONANA AVO. *Jereo*
Fisoronana Melkizedeka

FISORONANA LEVY. *Jereo*
Fisoronana Aharôna

FISORONANA MELKIZEDEKA.
Jereo koa Fisoronana; Loholona;
Melkizedeka

Ny Fisoronana Melkizedeka dia ny fisoronana avo kokoa na ambony. Ny Fisoronana Aharôna dia ny fisoronana ambany. Mihazona ny fanalahidin' ny fitahiana ara-panahy ho an' ny fiangonana ny Fisoronana Melkizedeka. Amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny fisoronana avo kokoa, dia miharihary ao amin' ny olona ny herin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra (**F&F** 84:18–25; 107:18–21).

I Adama no nanambaran' Andriamanitra voalohany io fisoronana avo kokoa io. Nanana io fahefana io ireo patriarika sy mpaminany tamin' ny fotoampitantanana tsirairay (**F&F** 84:6–17). Ny fisoronana masina araka ny lamin' ny Zanak' Andriamanitra no niantsoana azy voalohany. Fantatra amin' ny hoe fisoronana Melkizedeka izy ankehitriny. (**F&F** 107:2–4).

Rehefa tsy nahavita niaina nifanaraka tamin' ny tombontsoa sy ny fanekempihavanan' ny fisoronana Melkizedeka ny zanak' i Isiraely dia nesorin' ny Tompo ny lalàna ambony kokoa ka fisoronana sy lalàna ambany kokoa no nomeny azy. (**F&F** 84:23–26). Fisoronana Aharôna sy lalan' i Mosesy no niantsoana izany. Rehefa tonga teto an-tany i Jesoa, dia namerina indray tamin' ny Jiosy ny fisoronana Melkizedeka ary nanomboka nanangana ny fiangonany teo anivony. Very indray anefa ny Fisoronana sy ny fiangonana noho ny apôstazia. Naverina tamin' ny alalan' i Joseph Smith zanany izany tatỳ aoriana. (**F&F** 27:12–13; 128:20; JS—T 1:73).

Ao anatin' ny Fisoronana Melkizedeka ny anjara fanompoan' ny loholona, ny mpisorona avo, ny patriarika, ny fitopololahy, ary ny Apostoly (**F&F** 107). Ho ampahan' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany mandrakariva ny fisoronana Melkizedeka.

Ny Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no filohan' ny fisoronana avo na Fisoronana Melkizedeka, ary izy no mihazona ny fanalahidy rehetra mikasika ny fanjakan' Andriamanitra etỳ an-tany. Ny antso ho Filoha dia hazonin' ny lehilahy iray monja amin' ny fotoana iray ary izy no hany olona eto an-tany nomem-pahefana hampiasa ireo fanalahidin' ny fisoronana rehetra (**F&F** 107:64–67; 132:7).

Ho mpisorona mandrakizay araka ny lamin' i Melkizedeka i Kristy, **Sal.** 110:4 (Heb. 5:6, 10; 7:11). Mitantana ny filazantsara ny Fisoronana Melkizedeka, **Heb.** 7 (**F&F** 84:18–25). Nampihatra finoana mahery i Melkizedeka ary nandray ny raharahan' ny fisoronana avo, **Almà** 13:18. Nomena ny Fisoronana Melkizedeka i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery, **F&F** 27:12–13 (JS—T 1:72). Raisina amin' ny fianianana sy fanekempihavanana ity fisoronana ity, **F&F** 84:33–42. Misy fizaràna na lohateny lehibe roa—ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 107:6. Ny Fisoronana Melkizedeka dia mihazona ny zo hitantanana ny fitahiana ara-panahy rehetra, **F&F** 107:8–18. Nomen' i Mosesy, i Elià, ary i Elia an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny fanalahidin' ny fisoronana, **F&F** 110:11–16. Omeko anareo ankehitriny ireo mpi-tondra ao amin' ny Fisoronako mba hahazoanareo mihazona ireo fanalahidiny, **F&F** 124:123.

FITAHIANA. *Jereo koa*

Fahasoavana; Fitsofan-drano ny
Marary; Lalàna; Misaotra;
Tsodranon' ny Patriarika

Manolotra ny olona ny fankasitahan' Andriamanitra. Rehefa mety ho

zavatra ka mitondra hasambarana marina, fiadanana na fioboroboana dia fitahiana.

Ny fitahiana rehetra dia mifototra amin' ireo lalàna mandrakizay (F&F 130:20–21). Koa satria tian' Andriamanitra hahita fifaliana ny zanany eo amin' ny fiainany (2 Ne. 2:25), dia nomeny fitahiana izy ireo ho vokatry ny fankatoavana ny lalàny (F&F 82:10), ho valin' ny vavaka na ny ôrdônansin' ny fisoronana (F&F 19:38; 107:65–67), na amin' ny alalan' ny fahasoaavana (2 Ne. 25:23).

Ny lisitr' ireo andalan-tsoratra malaza momba ny fitahiana dia ny Fahasambarana (Mat. 5:1–12; 3 Ne. 12:1–2).

Amin' ny ankapobeny: Hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao, **Gen.** 12:2–3 (1 Ne. 15:18; Abr. 2:9–11). Fitahiana no eo ambony lohan' ny marina, **Ohab.** 10:6. Izay olona mahatoky tokoa dia ho be fitahiana aminao, **Ohab.** 28:20. Hamoha ny varavaran' ny lanitra ny Tompo ka hampidina fitahiana ho anareo, **Mal.** 3:10 (3 Ne. 24:10). Mampanantena fitahiana ireo Fahasambarana, **Mat.** 5:1–12 (3 Ne. 12:1–12). Sambatra izay nantsoina ho amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak' ondry, **Fan.** 19:9. Izay marina no ankasitrahany Andriamanitra, **1 Ne.** 17:35 (**Môsià** 10:13). Raha mety mihaino ianareo, dia avelako aminareo ny tsodrano iray **2 Ne.** 1:28. Avelako aminareo izany fitahiana izany ihany, **2 Ne.** 4:9. Mitahy anareo avy hatrany Izy, **Môsià** 2:24. Ny Tompo dia mitahy sy mampirobrobo ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy, **Hel.** 12:1. Ampio mba hirobrobo ny asako, dia hotahiana ianareo, **F&F** 6:9. Mivavaha mandrakariva, dia ho lehibe ny fitahiana anao, **F&F** 19:38. Aoka hatao batisa, dia horaisinao ny Fanahiko ary ny fitahiana anao dia ho lehibe tokoa toy izay tsy mbola fantatrao na oviana na oviana, **F&F** 39:10. Fa tonga aorian' ny fahoriana be ny fitahiana, **F&F** 58:4. Tsy mankatò ny olona; manafoana Aho ka tsy raisiny ny fitahiana, **F&F** 58:32. Tsy taka-

trareo ny halehiben' ireo fitahiana efa nomanin' ny Ray ho anareo, **F&F** 78:17. Avy amin' ny fisoronana avo ny fitantanana ireo ôrdônansy sy fitahiana ny fiangonana, **F&F** 107:65–67. Misy ny lalàna izay ifotoran' ny fitahiana rehetra, **F&F** 130:20. Izay rehetra te hahazo fitahiana eo an-tanako dia hanaraka ny lalàna, **F&F** 132:5. Ireo fitahiana dia tanana ho an' ireo izay tia ny Tompo, **F&F** 138:52. Noka-tsahin' i Abrahama ny fitahian' ireo ray mbamin' ny zo hizakana izany, **Abr.** 1:2.

Fitsofan-drano ny ankizy: Nitroto azy Izy ary nitsodrano azy, **Mar.** 10:16. Nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, **3 Ne.** 17:21. Tokony hitsodrano ny ankizy amin' ny anaran' i Jesoa Kristy ireo loholona, **F&F** 20:70.

FITAKA. *Jereo koa* Fanangolena; Lainga

Ny mamitaka ao amin' ny soratra masina dia ny mampino olona zavatra izay tsy marina.

Izay tsy nianiana mba hamitaka no hiakatra ao an-tendrombohitry ny Tompo, **Sal.** 24:4. Afaho amin' ny olona mpamitaka aho, **Sal.** 43:1. Lozan' izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy, **Isa.** 5:20 (2 Ne. 15:20). Aoka tsy hisy olona hamitaka ny tenany, **1 Kor.** 3:18. Aoka tsy hofitahin' ny olona amin' ny teny foana ianareo, **Ef.** 5:6. Sady hamitaka no ho fitahina ny olon-dratsy, **2 Tim.** 3:13. Satana, izay namitaka izao tontolo izao, dia nazera, **Fan.** 12:9. Nafatotra i Satana mba tsy hamitahany intsony ireo firenena, **Fan.** 20:1–3. Tsy azo fitahina ny Tompo, **2 Ne.** 9:41. Raha manara-dia ny Zanaka ianareo, sady tsy misy fitaka eo anoloan' Andriamanitra, dia horaisinareo ny Fanahy Masina, **2 Ne.** 31:13. Niaiky i Serema fa voafitaka amin' ny herin' ny devoly izy, **Jkb.** 7:18. Voafitaky ny teny manasohaso ny vahoakan' i Noà mpanjaka, **Môsià** 11:7. Efa nandray ny Fanahy Masina

ho mpitari-dalana azy ny hendry ka tsy voafitaka, **F&F** 45:57. Lozan' ireo izay mpamitaka, **F&F** 50:6. Tonga Satana izy, ny rain' ny lainga rehetra, mba hamitaka sy hanajamba ny olona, **Mos.** 4:4.

FITANTANAN-DRAHARAH.

Jereo koa Antso, Antsoin'
Andriamanitra

Olona izay mikarakara ny raharaha na fananan' ny hafa. Fitantan-draharaha no iantsoana ny zavatra iahian' ny mpitantan-draharaha. An' ny Tompo ny zava-drehetra eto an-tany, mpitantan-draharahany isika. Tompon' andraikitra amin' ny Tompo isika ary afaka manao tatitra momba ny Fitantan-draharahantsika amin' ireo solontenan' ny Tompo nahazo lalana. Rehefa mahazo antso hanompo avy amin' ny Tompo na avy amin' ny mpanompony nahazo lalana isika dia mety hisahana ny raharaha ara-nofa sy ara-panahy amin' izany fitantan-draharaha izany (**F&F** 29:34).

Efa nahatoky amin' ny kely ianao ka hotendreko ho mpanapaka ny be, **Mat.** 25:14–23. Fa izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy, **Lio.** 12:48 (**F&F** 82:3). Jesoa dia nanao fanoharana momba ilay mpitandrina tsy marina, **Lio.** 16:1–8. Ary na zovy na zovy no hita ho mahatoky dia hiditra ao amin' ny fifalian' ny Tompony, **F&F** 51:19. Tokony hanao tatitra ny amin' ny fitantan-draharahany ny olona tsirairay, **F&F** 72:3–5. Izay mahatoky sy mpitantan-draharaha hendry dia handova ny zava-drehetra, **F&F** 78:22. Hataon' ny Tompo ho tompon' andraikitra ny olona tsirairay, amin' ny maha mpitantan-draharaha ireo fitahian' ny tany azy, **F&F** 104:11–17 (**F&F** 42:32). Ianao dia hazoto mba hahatonga anao ho mpitantan-draharaha hendry, **F&F** 136:27.

FITAOMAN' NY FANAHY. *Jereo*

koa Fanahy Masina; Fanambarana

Fitarihan' Andriamanitra omen' An-

driamanitra ny olona. Mazàna ny fitaomana dia tonga ao an-tsaina na ao am-pon' ny olona amin' ny alalan' ny Fanahy amin' ny fomba samihafa.

Taorian' ny afo dia nisy feo malefaka sady tony, **1 Mpan.** 19:12. Ny Fanahy Masina no hampianatra anareo ny zava-drehetra sy hampahatsiaro anareo ny zava-drehetra, **Jao.** 14:26. Ny Fanahin' ny fahamarinana no hitarika anareo ho amin' ny fahamarinana rehetra, **Jao.** 16:13. Notarihin' ny Fanahy aho, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra tokony hataoko, **1 Ne.** 4:6. Tonga tao an-tsaiko ny feon' ny Tompo, **Enô.** 1:10. Ny zavatra rehetra izay manainga sy mitaona hanao ny tsara dia avy amin' ny fitaoman' Andriamanitra, **Môrô.** 7:13–16. Tsy nilaza fiadanana ho an' ny sainao va Aho? **F&F** 6:23. Hiteny anao ao an-tsainao sy ao am-ponao Aho, **F&F** 8:2. Hanazava ny sainao ny Fanahiko izay hameno fifaliana ny fanahinao, **F&F** 11:13. Homena anao izany amin' ny fotoana hitenenanao sy hanoratanao indrindra **F&F** 24:6 (**F&F** 84:85). Mibitsibitsika ilay feo tony sy malefaka ary mandoaka ny zava-drehetra, **F&F** 85:6.

FITENENAN-DRATSY. *Jereo koa*

Fifandirana; Fifosana; Lainga;
Tsaho

Filazana zavatra izay diso, mandratra ary mamohetratra. Ny fitenenana toy izany ao amin' ny soratra masina dia mazàna atao amin' ny olona ka kendraha mihitsy ny hankarary azy.

Arovy amin' ny ratsy ny lelanao, **Sal.** 34:13 (1 Pet. 3:10). Ny olon-dratsy mihady lavaka hanimbana, **Ohab.** 16:27. Sambatra ianareo raha hanaovan' ny olona izay teny ratsy rehetra hiampan-gana lainga anareo, **Mat.** 5:11 (3 Ne. 12:11). Avy ao amin' ny fo no ivoahan' ny sain-dratsy, **Mat.** 15:19 (Mar. 7:21). Tsy hiteny ratsy ny mpanapaka anao ianao, **Asa** 23:5. Esory aminareo ny fitenenan-dratsy rehetra, **Ef.** 4:31. Aza mifanaratsy, **Jak.** 4:11. Ataovy izay tsy

hisian' ny fifosana na ny fitenenan-dratsy, **F&F** 20:54.

FITENY

Teny voasoratra na am-bava, narafitra araka ny lamina manokana mba hampitana vaovao na eritreritra na hevitra. Ny fomba fampiasantsika ny fiteny dia maneho ny zavatra tsapantsika amin' Andriamanitra sy ny olon-kafa. Amin' ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany, dia homen' ny Tompo fiteny madio ny olombelona (Zef. 3:8–9).

Ny tany rehetra dia iray fiteny, **Gen.** 11:1. Nanorokoro ny fiteny rehetra tamin' ny tany ny Tompo, **Gen.** 11:4–9. Nahare azy ireo niteny tamin' ny fiteniny avy ny olona, **Asa** 2:1–6. Miteny amin' ny olona araka ny fiteniny ny Tompo, **2 Ne.** 31:3 (**F&F** 1:24). Nampianatra ireo zananilahy ny fitenin-drazany i Benjamîna, mba hahatonga azy ireo ho olon' ny fahazavan-tsaina, **Môsià** 1:2–5. Izay feno fanetren-tena ny fiteniny sady mampiorina, dia izy no avy amin' Andriamanitra raha mankatò ny ôrdônansiko, **F&F** 52:16. Mifankazara amin' ny boky tsara rehetra, ary amin' ny fiteny sy ny teny ary ny olona, **F&F** 90:15. Nanana fiteny izay madio sy tsy voaloto i Adama sy ny zanany, **Mos.** 6:5–6, 46. Nanome an' i Enoka herin' ny fiteny izay lehibe tokoa Andriamanitra, **Mos.** 7:13.

FITENY, FANOMEZAM-PAHASOAVANA AMIN' NY.

Jereo koa Fanomezam-pahasovan' ny Fanahy; Lela

Fanomezana avy amin' ny Fanahy Masina izay ahafahan' ny olona tao-min' ny Fanahy hiresaka na hahazo na handika fiteny izay tsy mahazatra azy. Mino ny fanomezam-pahasoavana amin' ny fiteny isika (Fp. 1:7).

Samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin' ny fiteny maro samihafa, **Asa** 2:4. Fa izay miteny amin' ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin' olona fa amin' Andriamanitra, **1 Kor.** 14:1–5, 27–28. Ny fite-

ny tsy fantatra dia famantarana amin' ny tsy mino, **1 Kor.** 14:22–28. Amin' izany dia ho tonga ny batisan' ny afo sy ny Fanahy Masina; ary amin' izany dia ho afaka miteny amin' ny fitenin' ny anjely ianareo, **2 Ne.** 31:13–14. Namporisika ny olona rehetra i Amalekita hino ny talenta amin' ny fitenenana amin' ny teny, **Ômn.** 1:25. Omena ny sasany ny hiteny amin' ny fiteny hafa, ary ho an' ny iray hafa ny handika ireo fiteny, **F&F** 46:24–25 (1 Kor. 12:10; Môrô. 10:8, 15–16). Aoka ny fanomezam-pahasoavana amin' ny fiteny hirotsaka, **F&F** 109:36.

FITIAVANA. *Jereo koa* Fandrafiana; Fangorahana; Fiantrana

Firaiketam-po sy fankamamiana lalina. Ny fitiavana an' Andriamanitra dia mirakitra firaiketam-po, fitsaohana, fanajana, lemim-panahy, famindram-po, famelan-keloka, fangorahana, fahasoavana, fanompoana, fankasitrahana, hatsaram-panahy. Ny ohatra lehibe indrindra amin' ny fitiavan' Andriamanitra ireo zanany dia hita ao amin' ny sorompanavotana tsisy fetra nataon' i Jesoa Kristy.

Tiava ny namanao tahaka ny tenanao, **Lev.** 19:18 (Mat. 5:43–44; 22:37–40; Rom. 13:9; Gal. 5:14; Jak. 2:8; Môsià 23:15; **F&F** 59:6). Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra, **Deot.** 6:5 (Môrô. 10:32; **F&F** 59:5). Mizaha toetra anareo Jehovah Andriamanitrareo, hahalalany na miorina amin' ny fitiavana an' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo, **Deot.** 13:4. Fa izay tian' i Jehovah no anariny, **Ohab.** 3:12. Izay tena sakaiza tokoa dia tia amin' ny andro rehetra, **Ohab.** 17:17. Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tokolo izao: nomeny ny Zananilahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, **Jao.** 3:16 (**F&F** 138:3). Aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa, **Jao.** 13:34 (Jao. 15:12, 17; Mos. 7:33). Raha tia Ahy ianareo dia hitan-drina ny teniko, **Jao.** 14:15 (**F&F** 42:29).

Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany, **Jao.** 15:13. Petera, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan' ireto? Fahano ary ny on-drikeliko, **Jao.** 21:15–17. Tsy hisy hasarakana antsika amin' ny fitiavan' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy, **Rom.** 8:35–39. Izay tsy mbola hitan' ny maso no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy, **1 Kor.** 2:9. Mifampanompoa amin' ny fitiavana, **Gal.** 5:13. Hianareo lehilahy tiava ny vadinareo, **Ef.** 5:25 (Kol. 3:19). Aza tia izao tontolo izao, **1 Jn.** 2:15. Andriamanitra dia fitiavana, **1 Jn.** 4:8. Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha, **1 Jn.** 4:19. Miaritra i Kristy noho ny lemim-panahiny sy ny fitiavany ny zanak' olombelona, **1 Ne.** 19:9. Aoka ianareo hibosesika handroso omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra, **2 Ne.** 31:20. Hampianatra ny zanakareo hifankatia sy hifanombo ianareo, **Môsià** 4:15. Raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra ianareo, tsapanareo ve izany ankehitriny? **Almà** 5:26. Tarihiny ny Fanahy Masina, ka lasa manam-paharetana, feno fitiavana, **Almà** 13:28. Fehezo ny filanao rehetra mba hahatonga anao ho feno fitiavana, **Almà** 38:12. Tsy nisy ny fifandirana, noho ny fitiavan' Andriamanitra izay nitoetra tao am-pon' ny vahoaka, **4 Ne.** 1:15. Ny zavatra tsirairay izay mitaona ho tia an' Andriamanitra dia avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra, **Môrô.** 7:13–16. Ny fiantrana dia ny fitiavana madion' i Kristy, **Môrô.** 7:47. Ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra, **Môrô.** 8:16 (1 Jn. 4:18). Ny fitiavana no mahalany ny olona ho amin' ny asan' Andriamanitra, **F&F** 4:5 (F&F 12:8). Ny fahamasinana dia tonga amin' ireo rehetra izay tia sy manompo an' Andriamanitra, **F&F** 20:31. Raha tia Ahy ianao, dia hanompo Ahy ary hitandrina ny didiko rehetra, **F&F** 42:29 (Jao. 14:15). Manehoa fitiavana sesehena amin' ilay nanarin'ao, **F&F** 121:43. Notiavin'

ny olona mihoatra noho Andriamanitra i Satana, **Mos.** 5:13, 18, 28.

FITOKIANA, FITOKISANA. *Jereo* *koa Finoana; Matoky*

Mitoky amina zavatra na mahazo antoka sy mino izany; indrindra fa amin' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy.

Tsara kokoa ny mitoky amin' ny Tompo noho ny mametraka ny fitokisana amin' ny olona, **Sal.** 118:8. Ny Tompo no ho tokinao, **Ohab.** 3:26. Mba hanantsika toky rehefa hiseho i Kristy, **1 Jn.** 2:28. Narian' ireo Nefita mamohatra ny fitokisan' ny zanany, **Jkb.** 2:35. Dia hihamahery ny fahatokiantenananao eo anatrehan' Andriamanitra, **F&F** 121:45.

FITOMANIANA, BOKIN' NY

Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha izay nosoratan' i Jeremia. Izany dia fitambarana tononkalo sy hiram-pitoriana noho ny nahalavoan' i Jerosalema sy ny firenen' i Isiraely. Nosoratana taorian' ny fahalavoan' ny tanàna ny boky, tokony ho tamin' ny 586 taorian' i J.K.

FITONDRAM-PANJAKANA. *Jereo* *koa Lalampnanorena*

Rehefa miverina i Jesoa Kristy dia hatsangany ny fitondram-panjakan' ny fahamarinana.

Ny fanapahana dia ho eo an-tsorony, **Isa.** 9:6 (2 Ne. 19:6). Aloavy ho an' i Kaisara izay an' i Kaisara, **Mat.** 22:21 (F&F 63:26). Maneke ny fahefan' ny mpitondra fanjakana, **Rom.** 13:1. Mivavaha ho an' ny mpanjaka sy izay rehetra manana fahefana, **1 Tim.** 2:1–2. Maneke ny mpanapaka sy ny manana fahefana ary ankatoavy ny mpitsara, **Tito.** 3:1. Noho ny amin' ny Tompo dia maneke ny fahefana rehetra misy eo amin' ny olombelona, **1 Pet.** 2:13–14. Jesoa Kristy no ho mpanjaka farany amin' ny tany, **Fan.** 11:15. Manàna olo-marina ho mpanjakanareo, **Môsià** 23:8. Ataovy amin' ny alalan' ny latsa-batom-bahoaka ny raharahanareo, **Môsià** 29:26. Kristy

no ho mpanapaka antsika rehefa avy Izy, **F&F** 41:4. Izay mitandrina ny lalàn' Andriamanitra dia tsy tokony handika ny lalàn' ny tany, **F&F** 58:21. Rehefa manapaka ny olon-dratsy, dia mitoloko ny vahoaka, **F&F** 98:9–10. Apetrak' Andriamanitra ny fitondram-panjakana ho tombontsoan' ny olombelona, **F&F** 134:1–5. Tokony hanohana sy hanoa ny fitondram-panjakana ny olona, **F&F** 134:5. Isika dia mino ny fanoavana ny mpanjaka, ny filoha, ny mpanapaka ary ny mpitsara, **Fp.** 1:12.

FITONDRANTENA. *Jereo*

Fahadiovam-pitondrantena;
Fanitsakitsaham-bady;
Fijangajangana; Fitondrantena
maloto

FITONDRANTENA MALOTO.

Jereo koa Fanitsakitsaham-bady;
Fijangajangana; Manarana ny
filan' ny nofo

Fandraisana anjara an-tsitraro amin' ny fanitsakitsaham-bady; ny fijangajangana, ny fifampilan' ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ny firaisana amin' ny olon-tsy heny, na izay rehetra firaisana ara-nofo tsy masina sy mifanohitra amin' ny voa-janahary ary tsy madio.

Andeha hapisotrintsika divay ny raintsika dia handry aminy isika, **Gen.** 19:30–36. Avy Robena ka nandry tamin' ny Bila, vaditsindranon-drainy, **Gen.** 35:22 (**Gen.** 49:4; 1 **Tan.** 5:1). Fahavetavana ny fifampilan' ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ary koa ireo karazam-piraisana mahatsiravina rehetra, **Lev.** 18:22–23. Raha misy lehilahy misavika vehivavy an-keriny handry aminy, dia ralehilahy ihany no meloka amin' ny fahotana, **Deot.** 22:25–27. Izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tao ampony sahady, **Mat.** 5:28 (3 **Ne.** 12:28). Ny fijangajangana, ny fahalotoana, ny firehetam-po, ary ny fanirian-dratsy dia fanompoan-tsampy, **Kol.** 3:5. Any am-parany any dia tsy hanam-pitiava-

na ny olona, **2 Tim.** 3:1–3. Fahavetavana ny fahotana mikasika ny firaisan' ny nofo, **Almà** 39:3–5.

FITOPOLOLAHY. *Jereo koa*

Apostoly; Fisoronana
Melkizedeka

Anjara fanompoana izay anokanana ny lehilahy ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka. Ankehitriny ny kôlejin' ny Fitopololahy dia Manampahefana Ambony ao amin' ny Fiangonana izay nomena ny fahefan' ny Apostoly saingy tsy natokana ho Apostoly. Manokana tanteraka ny fotoanany ho amin' ny asa fanompoana izy.

Ny Tompo dia nanendry fitopolo lahy, **Lio.** 10:1. Ny Fitopololahy dia antsoina koa hitory ny filazantsara sy ho vavolombelona manokan' i Kristy, **F&F** 107:25–26. Ny Fitopololahy dia miasa amin' ny anaran' ny Tompo, eo amban' ny fitarihan' ny Roambinifololahy, amin' ny fanorenana ny Fiangonana sy fitantanana ny raharahany rehetra any amin' ny firenen-drehetra, **F&F** 107:34. Mifidiana fitopololahy hafa koa hatrany amin' ny fitopolo impito, raha ilain' ny asa izany, **F&F** 107:93–97. Ny kôlejin' ny Fitopololahy dia ajoro ho an' ireo loholona mpitety faritra mba ho vavolombelona manambara ny anarako eran' izao tontolo izao, **F&F** 124:138–139.

FITSAHARANA. *Jereo koa* Andro

Sabata; Fandriampahalemana

Fananana fiadanana sy fahafahana amin' ny ahiahy sy ny tebiteby. Nampanantena izany fitsaharana izany mandritra izao fiainana izao amin' ny mpanaraka mahatoky azy ny Tompo. Manomana toeram-pitsaharana ho azy ireo any amin' ny fiainana ho avy koa Izy.

Ny tavako no handeha, dia hanome anao fitsaharana Aho, **Eks.** 33:14. Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho no hanome anareo fitsaharana, **Mat.** 11:28–29. Niasa tamim-pahazotoana izahay mba

hahazoan' izy ireo miditra ao amin' ny fitsaharany, **Jkb.** 1:7 (Heb. 4:1–11). Koa na zovy na zovy no mibebaka, dia hiditra ao amin' ny fitsaharako izy, **Almà** 12:34. Nisy maro, marobe izait-sizy tokoa, izay efa nodiovina ary niditra ny fitsaharan' ny Tompo, **Almà** 13:12–16. Ny paradisa, dia toetry ny fitsaharana, **Almà** 40:12 (**Almà** 60:13). Tsy misy na inona na inona miditra ao amin' ny fitsaharany afa-tsy ireo izay efa nanasa ny fitafiany tamin' ny rako, **3 Ne.** 27:19. Mitoria fibebahana amin' ity vahoaka ity, mba hahazoanao miara-miala sasatra aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko, **F&F** 15:6 (**F&F** 16:6). Ireo izay maty dia hitsahatra amin' ny asany rehetra, **F&F** 59:2 (**Fan.** 14:13). Ny fitsaharan' ny Tompo dia ny fahafenoan' ny voninahiny, **F&F** 84:24.

FITSANGANANA AMIN' NY

MATY. *Jereo koa* Fahafatesan' ny Vatana; Fanahy; Jesoa Kristy; Sorompanavotana; Tsy Fahafatesana; Vatana

Ny fitambaran' ny fanahy amin' ny vatana nofo sy taolana aorian' ny fahafatesana. Tsy hisaraka intsony ny fanahy sy ny vatana aorian' ny fitsanganana amin' ny maty, ary ho lasa tsy mety maty ny olona. Hitsanganana amin' ny maty ny olona rehetra teraka teto antany noho ny nandresen' i Jesoa Kristy ny fahafatesana (1 Kor. 15:20–22).

I Jesoa Kristy no olona nitsangana voalohany tamin' ny maty teto antany (**Asa** 26:23; Kol. 1:18; **Fan.** 1:5). Manome porofo maro ny Testamenta Vaovao fa nitsangana niaraka tamin' ny vatany nofo i Jesoa: foana ny fasany, nihinana trondro sy tantely Izy, nanana vatana nofo aman-taolana Izy, nikasika azy ny olona ary nambaran' ny anjely fa efa nitsangana Izy (**Mar.** 16:1–6; **Lio.** 24:1–12, 36–43; **Jao.** 20:1–18). Manamafy ny fahamarinan' ny fitsanganan' i Kristy sy ny olombelona rehetra amin' ny maty ny fanambaran' ny andro farany (**Almà** 11:40–45; **40; 3 Ne.** 11:1–17; **F&F** 76; **Mos.** 7:62).

Tsy hiara-mitsangana amin' ny voninahitra mitovy avokoa ny rehetra, (1 Kor. 15:39–42; **F&F** 76:89–98), Tsy hiara-mitsangana avokoa ny rehetra (1 Kor. 15:22–23; **Almà** 40:8; **F&F** 76:64–65, 85). Maro ny Olomasina nitsangana tamin' ny maty taorian' ny fitsanganan' i Kristy (**Mat.** 27:52). Hitsangana alohan' ny ratsy fanahy ny olo-marina ary hivoaka amin' ny fitsanganana voalohany (1 Tes. 4:16); Ireo mpanota tsy mibebaka dia hitsangana amin' ny fitsanganana farany (**Fan.** 20:5–13; **F&F** 76:85).

Ary na ho levona aza ny vatako, dia ao amin' ny nofoko indray no hahitako an' Andriamanitra, **Joba** 19:26 (**Mos.** 5:10). Izaho no hanokatra ny fasana-reo, ary hampiakariko avy amin' ny fasanareo hianareo, **Ezek.** 37:12. Ary nisokatra ny fasana, ka maro ny fatin' ny olomasina efa nodimandry no natsangana, **Mat.** 27:52–53 (3 Ne. 23:9). Efa nitsangana ny Tompo, **Lio.** 24:34. Ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao, **Lio.** 24:39. Izaho no fananganana ny maty sy fiainana, **Jao.** 11:25. Ny Apostoly roa ambin' ny folo dia nampianatra ny nitsanganan' i Jesoa, **Asa** 1:21–22 (**Asa** 2:32; 3:15; 4:33). Ao amin' i Kristy no ahaveloman' ny olona rehetra, **1 Kor.** 15:1–22. Izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha, **1 Tes.** 4:16. Sambatra sy masina izay manana anjara amin' ny fitsanganana voalohany, **Fan.** 20:6. Manolotra ny ainy i Kristy, ary maka izany indray mba hahazoany manatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty, **2 Ne.** 2:8 (**Môsià** 13:35; 15:20; **Almà** 33:22; 40:3; **Hel.** 14:15). Raha tsy misy ny fitsanganana amin' ny maty, dia ho efa nofehezin' i Satana isika, **2 Ne.** 9:6–9. Ho tanteraka amin' ny olon-drehetra ny fitsanganana amin' ny maty, **2 Ne.** 9:22. Nampianatra momba ny fitsanganana voalohany i Abinadia, **Môsià.** 15:21–26. Ny ratsy dia mijanona ho toy ny tsy nisy fanavotana efa natao, afa-tsy ny famahana ny famatoran' ny fahafatesana, **Almà** 11:41–45.

Manazava ny manjo ny fanahin' ny olona manelanelana ny fotoana ahafatesana sy ny fotoan' ny fitsanganana amin' ny maty i Almà, **Almà** 40:6, 11–24. Amin' ny fiavian' ny Tompo, dia hitsangana ireo izay maty ao amin' i Kristy, **F&F** 29:13 (**F&F** 45:45–46; 88:97–98; 133:56). Mitomania indrindra an' ireo izay tsy manana fanantenana ny amin' ny fitsanganana amin' ny maty be voninahitra, **F&F** 42:45. Ireo izay tsy nahafantatra lalàna dia hanana anjara amin' ny fitsanganana voalohany amin' ny maty, **F&F** 45:54. Hitsangana amin' ny maty ireo ary tsy ho faty rehefa avy eo, **F&F** 63:49. Ny fitsanganana amin' ny maty no fanavotana ny fanahy, **F&F** 88:14–16. Ny fanahy sy ny singa mifamatotra tsy azo sarahina dia mandray ny fahafenoan' ny fifaliana, **F&F** 93:33. Manana vatana nofo sy taolana ny anjely izay olona natsangana tamin' ny maty, **F&F** 129:1. Na toy inona na toy inona fetran' ny faharanitan-tsaina tratransika eto amin' izao fiainana izao, dia hiara-hitsangana amintsika izany amin' ny fitsanganana amin' ny maty, **F&F** 130:18–19.

FITSAOHANA. *Jereo koa* Andriamanitra

Fitiaavana, fanajana, fanompoana ary fahafoizan-tena ho an' Andriamanitra (**F&F** 20:19). Ny fitsaohana dia ahitana vavaka, fifadian-kanina, fanompoam-pivavahana, fandraisana anjara amin' ny ôrdônansin' ny filazantsara, ary ireo fanao hafa izay mampiseho fahafoizan-tena sy fitiaavana an' Andriamanitra.

Aza manana andriamani-kafa, fa iza-ho ihany, **Eks.** 20:3 (**Eks.** 32:1–8, 19–35; **Sal.** 81:9). Mivavaha amin' ny Ray amin' ny fanahy sy ny fahamarinana, **Jaô.** 4:23. Miankohofa eo anoloan' izay nanao ny lanitra sy ny tany, **Fan.** 14:7 (**F&F** 133:38–39). Aoka hitsaoka Azy amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, **2 Ne.** 25:29. Nino an' i Kristy izy ireny

sy nidera ny Ray tamin' ny Anarany, **Jkb.** 4:5. Nampianarin' i Zenôsa fa tokony hivavaka sy hidera amin' ny toerana rehetra ny olona, **Almà** 33:3–11. Hitsaohanareo an' Andriamanitra, na aiza na aiza toerana mety hisy anareo amin' ny fanahy sy ny fahamarinana, **Almà** 34:38. Lavo teo an-tongotr' i Jesoa sy nitsaoka Azy ny vahoaka, **3 Ne.** 11:17. Ny olon-drehetra dia tsy maintsy mibebaka sy mino ny anaran' i Jesoa Kristy ary mankalaza ny Ray amin' ny anarany, **F&F** 20:29. Omeko anareo ireo teny ireo hahazoanareo mahatakatra sy mahafantatra ny fomba ivavahanareo sy izay ivavahanareo, **F&F** 93:19. Izao Andriamanitra iray izao ihany no hoderaiako, **Mos.** 1:12–20. Isika dia mitaky ny zo hanompo an' Andriamanitra Tsitoha, **Fp.** 1:11.

FITSARANA. *Jereo koa*

Fanamelohana; Fitsarana Farany,
Ny; Jesoa Kristy — Mpitsara

Manombana ny toetra mifanaraka amin' ny fitsipiky ny filazantsara; manapa-kevitra; mamantatra ny tsara amin' ny ratsy.

Nipetraka hitsara ny olona i Mosesy, **Eks** 18:13. Amin' ny fahamarinana no hitsaranao ny namanao, **Lev.** 19:15. Aza mitsara mba tsy hotsaraina ianareo, **Mat.** 7:1 (**DJS,** **Mat.** 7:1–2; **Lio.** 6:37; **3 Ne.** 14:1). Izay rehetra nanota nanana ny lalàna dia hotsaraina araka ny lalàna, **Rom.** 2:12. Ny Olomasina no hitsara izao tontolo izao, **1 Kor.** 6:2–3. Notsarain' izao tontolo izao ny Zanak' ilay Andriamanitra maharitra mandrakizay, **1 Ne.** 11:32. Ny Apostoly Roa ambin' ny folon' ny Zanakondry no hitsara ny foko roa ambin' ny folo amin' ny Isiraely, **1 Ne.** 12:9 (**F&F** 29:12). Ny fahafatesana, ny helo, ny devoly ary izay rehetra efa voatazon' ireo dia tsy maintsy hotsaraina, **2 Ne.** 28:23 (**1 Ne.** 15:33). Raha mitsara ny olona izay maneho fitalahoana aminareo amin' ny fanananareo ianareo, tsy mainka va ara-drariny ny ho faname-

lohana anareo noho ianareo mihirim-belona amin' ny fanananareo, **Môsià** 4:22. Hotsaraina araka ny asany ny olona, **Almà** 41:3. Mitsarà araka ny rary, dia hanana ny hitsiny haverina aminao indray ianao, **Almà** 41:14. Avy amin' ireo boky izay hosoratana no hitsarana izao tontolo izao, **3 Ne.** 27:23–26 (Fan. 20:12). Ny sisa tavela amin' ity vahoaka ity dia hotsarain' ny roambinifololahy izay nofidin' i Jesoa teo amin' ity tany ity, **Môrm.** 3:18–20. Nanazava ny fomba anavahana ny tsara amin' ny ratsy i Môrmôna, **Môrô.** 7:14–18. Apetraho amin' ilay fanahy izay mitarika hitsara araka ny rariny ny fitokiana, **F&F** 11:12. Ianao dia tokony hiteny ao am-ponareo hoe: aoka Andriamanitra hitsara ahy sy ianao, **F&F** 64:11. Hitsara an' ireo ny Fiangonan' ny Tompo, **F&F** 64:37–38. Namangy an' ireo fanahy ao an-tranomaizina ny Zanaka mba ho azo tsaraina araka ny olona ao amin' ny nofo izy ireo, **F&F** 76:73 (1 Pet. 4:6). Ny eveka dia ho mpitsara tsotra, **F&F** 107:72–74. Ny Tompo dia hitsara ny olona rehetra araka ny asany, araka ny fanirian' ny fony, **F&F** 137:9.

FITSARANA FARANY, NY. *Jereo*
koa Fanamelohana; Fitsarana;
Jesoa Kristy—Mpitsara

Ny fitsarana farany izay ho tonga aorian' ny fitsanganana amin' ny maty. Andriamanitra, amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, dia hitsara ny olona tsirairay mba hamaritana ny voninahitra mandrakizay izay horaisiny. Hifototra amin' ny fankatoavan' ny olona tsirairay ny didin' Andriamanitra izany fitsarana izany, ka anisany ny faneke-ny ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Nomen' ny Ray ny Zanaka ny fitsarana rehetra, **Jao.** 5:22. Samy hijoro manolana ny toeram-pitsaran' i Kristy isika, **Rom.** 14:10. Ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra, **Fan.** 20:12 (F&F 128:6–7). Fa hoentina hotsaraina ianao noho ny ataonao rehetra, **1 Ne.** 10:20. Hitsara ny Isiraely ny Apostoly roa ambin' ny

folo sy ny mpianatra Nefita roa ambin' ny folo, **1 Ne.** 12:9 (F&F 29:12). Tsy maintsy miseho eo anoloan' ny toeram-pitsaran' ny Iray Masin' ny Isiraely ny rehetra, **2 Ne.** 9:15. Omano ho amin' izany andro be voninahitra izany ny fanahinareo, **2 Ne.** 9:46. Azonareo an-tsaina va ny tenanareo entina eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra?, **Almà** 5:17–25. Hitsangana hitsara izao tontolo izao i Jesoa Kristy, **3 Ne.** 27:16. Hidina miaraka amin' ny ozona sy ny fitsarana eo amin' ireo rehetra tsy manana an' Andriamanitra ny Tompo, **F&F** 133:2.

FITSIPIKA. *Jereo* koa Filazantsara

Fotopampianarana na fahamarinana na lalàna fototra. Ny fitsipika voalohan' ny filazantsara dia ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo sy ny fibebahana (Fp. 1:4).

Koa aoka [tsy] hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin' i Kristy, kane-fa aoka handroso ho amin' ny tanteraka isika, **DJS, Heb.** 6:1, 3. Ny lololona, ny mpisorona ary ny mpampianatra ao amin' ity fiangonana ity dia hampianatra ireo fitsipiky ny filazantsarako, izay ao amin' ny Soratra Masina, **F&F** 42:12. Mianara misimisy kokoa ny amin' ny fitsipika, ny amin' ny fotopampianarana, ny amin' ny zavadrehetra, **F&F** 88:78 (F&F 97:14). Hahazoan' ny olona tsirairay miasa araka ny fotopampianarana sy ny fitsipika, araka ny safidim-pitondrantena izay efa nomeko azy, **F&F** 101:78. Na toy inona na toy inona fetran' ny faharani-tan-tsaina tratrantsika eto amin' izao fiainana izao, dia hiara-hitsangana amintsika izany amin' ny fitsanganana amin' ny maty, **F&F** 130:18–19.

FITSIPIKA VOALOHANY AMIN' NY FILAZANTSARA. *Jereo*
Batisa; Fanahy Masina;
Fibebahana; Finoana

FITSOFA-DRANO. *Jereo*
Fitahiana

FITSOFAN-DRANO NY

MARARY. *Jereo koa* Diloilo;
Fametrahan-tanana; Fisoronana;
Manasitrana; Manosotra

Tsodrano omen' ny lehilahy izay miha-
zona ny Fisoronana Melkizedeka ny
marary miaraka amin' ny fampiasana
diloilo nohamasinina.

Mametraha ny tananao aminy, **Mat.**
9:18. Nametraka ny tanany tamin' ny
olona marary vitsy i Jesoa ka nahasi-
trana azy, **Mar.** 6:5. Nohosoran' ireo
Apostolin' i Kristy tamin' ny diloilo
ny marary maro ka nositrany, **Mar.**
6:13. Tokony hanosotra diloilo ny ma-
rary ny loholona ary hanasitrana, **Jak.**
5:14–15. Tsy hanasitrana ny marary
ianareo raha tsy mangataka izany ireo
izay maniry ny hositrany, **F&F**
24:13–14. Hametra-tanana amin' ny
marary ny loholona, **F&F** 42:44. Ame-
traho ny tananareo ireo marary dia ho
sitrana, **F&F** 66:9

FIVORIANA TANY AN-DANITRA.

Jereo koa Ady tany an-danitra;
Drafitry ny Fanavotana; Fiainana
Talohan' ny Fiainana An-tany

Fotoana iray talohan' ny fiainana an-
tany, izay nanoloran' ny Ray ny drafi-
ny ho an' ireo zanany ara-panahy izay
ho tonga etỳ an-tany.

Nihiaka noho ny fifaliana ireo zanak'
Andriamanitra, **Joba** 38:7. Ambonin' ny
kintan' Andriamanitra no hanandra-
tako ny seza fiandrianako, **Isa.** 14:12–
13. Nisy ady tany an-danitra, **Fan.**
12:7–11. Noraisiny tao amin' ny tonto-
lon' ny fanahy ny lesona voalohany
talohan' ny nahaterahany, **F&F** 138:56.
Nikomy i Satana tamin' ny fiainana
talohan' ny fiainana an-tany, **Mos.** 4:1–
4. Nalamina talohan' ny nahariana an'
izao tontolo izao ireo faharanitan-
tsaina, **Abr.** 3:22. Nifampidinika ireo
Andriamanitra, **Abr.** 4:26. Nofaranan'
ireo Andriamanitra ny asa notapahiny
hatao, **Abr.** 5:2.

FIZOKIANA. *Jereo koa*

Fanekempihavanana; Lahimatoa

Zo amin' ny fandovana ananan' ny
zanaka lahimatoa. Tafiditra ao amin'
ny fizokiana, amin' ny heviny malala-
ka, izay mety ho zo rehetra na lova
nafindra tamina olona iray, fony izy
teraka tao amin' ny ankohonana na
kolontsaina iray.

Amidio amiko anio ny fizokiana, **Gen.**
25:29–34 (**Gen.** 27:36). Nipetraka
ny lahimatoa araka ny fizokiany, **Gen.**
43:33. Napetrany teo alohan' i Manase
i Efraima, **Gen.** 48:14–20 (**Jer.** 31:9).
An' i Josefa ny fizokiana, **1 Tan.** 5:2.
Namidin' i Esao ny fizokiany, **Heb.**
12:16. Mpandova ara-dalàna ianareo,
F&F 86:9. Ziona dia manana zo amin'
ny fisoronana amin' ny alalan' ny fira-
zanana, **F&F** 113:8 (**Abr.** 2:9–11).

FO. *Jereo koa* Ateraka Indray, Aterak'
Andriamanitra; Fo Torotoro

Tandindon' ny saina sy ny finiavan'
ny olona ary sarin' ny loharanon' ny
fiontanana sy ny fahatsapana anaty
rehetra.

Tiava ny Tompo Andriamanitrao
amin' ny fonao manontolo, **Deot.** 6:5
(**Deot.** 6:3–7; **Mat.** 22:37; **Lio.** 10:27;
F&F 59:5). Nitady lehilahy ho Azy ara-
ka ny fony ny Tompo, **1 Sam.** 13:14.
Ny olona mijery ny endrika ivelany
fa ny Tompo mijery ny fo, **1 Sam.**
16:7. Izay manana tanana madio sy fo
mahitsy no hiakatra ao an-tendrombo-
hitry ny Tompo ary hotahina, **Sal.**
24:3–5 (2 **Ne.** 25:16). Araka izay heve-
rin' ny olona ao am-pony ihany no
toetrany, **Ohab.** 23:7. Elia dia hampo-
dy ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka
ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny rai-
ny, **Mal.** 3:24 (**Lio.** 1:17; **F&F** 2:2;
110:14–15; 138:47; **JS—T** 1:39). Samba-
tra ny madio am-po, **Mat.** 5:8 (3 **Ne.**
12:8). Ny olona dia miteny avy amin'
ny tsara na ny ratsy ao am-pony, **Lio.**
6:45. Manaraha ny Zanaka amin' ny
finiavan' ny fo manontolo, **2 Ne.** 31:13.
Efa naterak' Andriamanitra araka ny
fanahy ve ianareo ary nahatsapa fio-
vana mahery vaika tao am-ponareo?
Almà 5:14. Atolory ho fanatitra ho an'

ny Tompo ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, **3 Ne.** 9:20 (3 Ne. 12:19; Ete. 4:15; Môrô. 6:2). Hiteny ao an-tsainao sy ao am-ponao amin' ny alalan' ny Fanahy Masina Aho, **F&F** 8:2.

FO MANENINA. *Jereo* Fo Torotoro

FO TOROTORO. *Jereo* *koa*

Fanetren-tena; Fibebahana; Fo;
Halemem-panahy; Sorona

Ny hoe manana fo torotoro dia izay manetry tena, manenina, mibebaka ary malemy fanahy—izany hoe, afaka mandray ny sitrapon' Andriamanitra.

Izaho hiara-mitoetra amin' izay manenina sy manetry tena, **Isa.** 57:15. Nanolotra ny tenany ho an' ireo izay manana fo torotoro sy fanahy manenina i Kristy, **2 Ne.** 2:7. Atero ho sorona ho an' ny Tompo ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, **3 Ne.** 9:20 (**F&F** 59:8). Ireo izay manana fo torotoro sy fanahy manenina ihany no raisina amin' ny batista, **Môrô.** 6:2. Nohomboana i Jesoa ho famelana ny fahotan' ny fo manenina, **F&F** 21:9. Izay manenina ny fanahiny no ekena, **F&F** 52:15. Ampanantenaina an' ireo izay manenina ny Fanahy Masina, **F&F** 55:3. Ny Fanahiko dia alefa mba hanazava ny manetry tena sy ny manenina, **F&F** 136:33.

FOANA. *Jereo* Zava-poana

FOKO FOLO. *Jereo* Isiraely

FOKO ROA AMBIN' NY FOLO

AMIN' NY ISIRAEELY. *Jereo*

Isiraely—Ireo foko roa ambin' ny folo

FOKO VERY. *Jereo* Isiraely—Iry fokon' i Isiraely folo very

FOMBAN-DRAZANA

Finoana sy fanao izay miampita amin' ny taranaka mifandimby (2 Tes. 2:15). Ao amin' ny soratra masina, ny Tompo dia mampitandrana mandrakariva ny olo-marina mba hisoroka ny

fomban-drazana ratsin' ny olona (Lev. 18:30; Mar. 7:6–8; Môsià 1:5; **F&F** 93:39–40).

FONJAN' I CARTHAGE

(**ETAZONIA**). *Jereo* *koa* Smith,

Hyrum; Smith, Joseph, zanany

Tao amin' ny fonjan' i Carthage, Illinois, Etazonia, no namonoan' ny olona an' i Joseph sy i Hyrum Smith ny 27 Jona 1844 (**F&F** 135).

FONJAN' I LIBERTY, MISSOURI

(**ETAZONIA**). *Jereo* *koa* Smith,

Joseph, zanany

Fonja kely izay nanagadrana tsy ardrariny ny mpaminany Joseph Smith sy ireo hafa tamin' ny Nôvambra 1838 ka hatramin' ny Aprily 1839. Tao anatin' izany zava-tsarotra izany i Joseph no nandray fanambarana sasantsasany, naminany, ary nentanin-panahy hanoratra taratasy manan-danja ho an' ireo olomasina, izay voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 121–123 ny ampahany.

FOTOAMPITANTANANA. *Jereo*

koa Famerenana amin' ny laoniny

ny Filazantsara; Fanalahidin' ny

Fisoronana; Filazantsara;

Fisoronana

Ny fotoampitantanan' ny filazantsara dia vanim-potoana izay nananan' ny Tompo farafahakeliny mpanompo iray ombàm-pahefana sady mihazona ireo fanalahidin' ny fisoronana masina ety an-tany.

Adama, i Enoka, i Noa, i Abrahama, i Mosesy, i Jesoa Kristy, i Joseph Smith ary ireo hafa dia samy efa nisantatra fotoampitantanana vaovaon' ny filazantsara. Rehefa mametra fotoampitantanana iray ny Tompo dia ambara amin' ny fomba vaovao indray ny filazantsara ka tsy voatery hiantehitra amin' ireo fotoampitantanana efa lasa ny olon' izany fotoampitantanana izany raha ny fahalalana momba ny drafitry ny famonjena. Ny fotoampitantanana natombok' i Joseph Smith dia fantatra

amin' ny hoe "fitantanana ny fotoam-pahafenoana."

Hanorina fanjakana iray ny Andriamanitra ny lanitra, **Dan.** 2:44 (F&F 65). Amin' ny Andro Farany no handatsahako ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra, **Asa** 2:17 (Joe. 2:28). Tsy maintsy mandray an' i Kristy ny lanitra mandra-piavin' ny fotoana fampodiana ny zavatra rehetra, **Asa** 3:21. Amin' ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana no hanangonan' Andriamanitra ny zava-drehetra ao amin' i Kristy, **Ef.** 1:10. Haoriko eo anivony ny fiangonako, **3 Ne.** 21:22. Natolotry ny Tompo ireo fanalahidin' ny fanjakana sy ny fotoampitantanan' ny filazantsara ho an' ny andro farany, **F&F** 27:13. Atolotra ho eo an-tananareo ireo fanalahidin' izao fotoampitantanana izao, **F&F** 110:12–16. Ny fanalahidy rehetra tamin' ny fotoampitantanana lasa dia efa naverina ho ao amin' ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana, **F&F** 128:18–21.

FOTOPAMPIANARAN' I KRISTY.

Jereo koa Drafitry ny Fanavotana; Filazantsara

Ireo fitsipika sy fampianaran' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Hilatsaka tahaka ny ranonorana ny fotopampianarako, **Deot.** 32:2. Ireo izay nimonomonona dia hianatra fotopampianarana, **Isa.** 29:24. Talanjona ny vahoaka noho ny fotopampianarany, **Mat.** 7:28. Tsy Ahy ny fampianarako fa an' izay naniraka Ahy, **Jao.** 7:16. Ny Soratra Masina rehetra dia mahaso ho fotopampianarana, **2 Tim.** 3:16. Izany no fotopampianaran' i Kristy, ary ny hany fotopampianarana marina an' ny Ray, **2 Ne.** 31:21 (2 Ne. 32:6). Tsy hisy fifandirana eo anivonareo momba ireo lafiny amin' ny fotopampianarako, **3 Ne.** 11:28, 32, 35, 39–40. Mamoky ny fon' ny vahoaka i Satana hifandirany momba ny lafiny amin' ny fotopampianarako, **F&F** 10:62–63, 67. Ampianaro ny ankizy ny fotopampianarana momba ny fibebahana, ny

finoana an' i Kristy, ny batisa ary ny fanomezana ny Fanahy Masina, **F&F** 68:25. Mifampianara ny fotompampianaran' ny fanjakany, **F&F** 88:77–78. Ny fotopampianaran' ny fisoronana dia hitsika tsikelikely ao amin' ny fanahinao, **F&F** 121:45.

FOTOPAMPIANARANA SY

FANEKEMPIHAVANANA. *Jereo*

koa Bokin' ireo Didy; Smith, Joseph, zanany; Soratra Masina; Soratra Masina Ankatoavin' ny Fiangonana

Fitambaran' ireo fanambarana avy amin' Andriamanitra sy filazana avy amin' ny fanentanana' ny fanahy amin' ny Andro Farany. Nomen' ny Tompo an' i Joseph Smith sy ny maro tamin' ireo mpandimby azy izany ho fanorenana sy ho fitantanana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany amin' ny Andro Farany. Ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana dia anankiray amin' ireo Soratra Masina ankatoavin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ankoatra ny Baiboly, ny Bokin' i Môrmôna ary ny Voahangy Lafo Vidy. Tokana anefa ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana, satria tsy fandikana tahirin-kevitra tranainy izany; ny Tompo no nanome ireny fanambarana ireny ho an' ireo mpaminany nofinidiny amin' izao andro ankehitriny izao mba hamerenana indray ny fanjakany. Ao amin' ireo fanambarana no andrenesan' ny olona ny feo malefaka nefa hentitra, an' i Jesoa Kristy Tompo (F&F 18:35–36).

Nilaza ny Mpaminany Joseph Smith fa ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana no fototry ny Fiangonana amin' ny andro farany sady tombontsoan' izao tontolo izao (F&F 70:sasin-teny). Ny fanambarana ao amin' izany no misantatra ny asa fanomanana lalana ho an' ny fiavian' ny Tompo fanindroany ho fanatanterahana ny teny rehetra nolazain' ireo mpaminany hatry ny niandohan' izao tontolo izao.

GABRIELA. *Jereo koa* Anjely; Maria, Renin' i Jesoa; Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly

Anjely nirahina ho any amin' i Daniela (Dan. 8:16; 9:21), Zakaria (Lio. 1:11–19; F&F 27:7), Maria (Lio. 1:26–38) sy ireo hafa (F&F 128:21). Nilaza i Joseph Smith Mpaminany fa i Gabriela no ilay Noa mpaminanin' ny Testamenta Taloha.

GADA ILAY MPAHITA. *Jereo koa*
Soratra Masina—Soratra Masina
Very

Mpaminany, namana mahatoky ary mpanolotsain' i Davida ao amin' ny Testamenta Taloha (1 Sam. 22:5; 2 Sam. 24:11–19). Izy dia nanoratra ny boky momba ny nataon' i Davida, izay lasa soratra masina very (1 Tan. 29:29).

GADA, ZANAKALAHIN' I JAKOBA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha: zanakalahin' i Jakoba sy i Zilpa (Genesisy 30:10–11). Nanjary fokom-pirenena iray amin' ny Isiraely ny taranany.

Ny fokom-pirenen' i Gada: Momba ny tsodranon' i Jakoba tamin' i Gada zanakalahiny, dia jereo Gen. 49:19. Momba ny tsodranon' i Mosesy tamin' ny fokom-pirenen' i Gada, dia jereo ny Deuteronomia 33:20–21. Araka ireo tsodrano ireo, ny tamingan' i Gada dia taranaky ny mpiady. Ny zara tany nomena azy ireo ao amin' ny tany Kanana dia ny atsinanan' ny Renirano Jordana ary ahitana kijana tsara mba-min' ny rano sesehena.

GALATIANINA, EPISTILY HO AN' NY. *Jereo koa* Epistilin' i Paoly; Paoly

Boky iray ao amin' ny Testamenta Vaovao. Izany dia taratasy nosoratan' i Paoly tany am-piandohana ho an' ireo Olomasina nonina nanerana an' i Galatia. Ny ventin-kevitra ny taratasy dia izao: ny fahafahana marina dia tsy

mety ho hita afa-tsy amin' ny fiainana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Raha eken' ny olomasina ny fampianaran' ny Kristiana Jiosy, izay nanantitrantitra ny fanarahana ny lalàn' i Mosesy, dia ho ferany na horavany ny fahafahana izay efa hitany tao amin' i Kristy. Ao amin' ny epistily no nanambaran' i Paoly ny anjara toerany amin' ny maha-Apostoly azy ka nanazavany ny fotopampianaran' ny fahamarinana amin' ny finoana ary nanamafisany ny lanjan' ny fivavahana ara-panahy.

Toko 1 sy 2: nanambara ny alahelo-ny i Paoly noho ny vaovao voarainy momba ny apôstazia eo anivon' ny Galatiana ary nanazava ny anjara toerany eo anivon' ny Apostoly izy. Toko 3 sy 4: mamelabelatra ny fotopampianaran' ny finoana sy ny asa. Toko 5 sy 6: ahitana lahateny momba ny vokatra azo tsapain-tanana avy amin' ny fotopampianaran' ny finoana.

GALILIA

Tamin' ny andro fahiny sy amin' izao ankehitriny izao, dia izy no distrika avaratra indrindra amin' i Isiraely, andrefan' ny Renirano Jordana sy ny Ranomasin' i Galilia. Sahabo ho fito amby sivifolo kilaometatra ny lavan' i Galilia ary valo amby efapolo kilao-metatra ny sakany. Fahagolan-tany dia nahitana ny ampahan-tany tsara indrindra izy mbamin' ireo tanàna naresaka indrindra tamin' i Isiraely. Ireo arabe vaventy mankany Damaskosy, Egypta ary Isiraely Atsinanana dia namakivaky an' i Galilia. Ny toetrandrony tsara dia tsara sy ny taniny lonaka dia namokatra oliva, varimbazaha, ôrza ary voaloboka betsaka. Namatsy ny varotra fanondranana entana ireo toeram-panjonoana teo amoron' ny Ranomasin' i Galilia sady loharanon-karena be. Nandany ny ankamaroan' ny fotoany tany Galilia ny Mpamonjy.

Hiposaka any Galilia ny hazavana lehibe, **Isa.** 9:1–3 (2 Ne. 19:1–3). Nandeha eran' i Galilia i Jesoa, nitory, nampianatra ary nanasitrana, **Mat.** 4:23.

Rehefa nitsangana tamin' ny maty i Jesoa dia niseho tany Galilia, **Mar.** 14:28 (Jao. 21:1–14). Niely eran' i Galilia ny lazany i Jesoa, **Lio.** 4:14. Natombok' i Jesoa tao Kana any Galilia ny fahagagana nataony, **Jao.** 2:11.

Ny Ranomasin' i Galilia: Hita ao Isiraely Avaratra ny Ranomasin' i Galilia. Natao koa hoe ny Ranomasin' i Kine-reta izany ao amin' ny Testamenta Taloha ary ny Farihin' i Genesareta na Tiberiasy ao amin' ny Testamenta Vaovao. Nanao lahateny maro i Jesoa tao (Mat. 13:2). Miendrika poara ny sisin-dranomasina, 20 kilaometatra ny lavany ary 12 kilaometatra ny sakany eo amin' ny sakany lehibe indrindra. Miorina eo amin' ny 207 metatra ambanin' ny vohon' ny ranomasina izy, ka mahatonga ny rivotra manodidina ho mahamay. Ny rivotra mangatsiaka midina avy any an-tendrombohitra ka mifanehatra amin' ny rivotra mahamay eo ambonin' ny rano dia mazàna no miteraka tafiotra tampoka (Lio. 8:22–24).

GAMALIELA. *Jereo koa* Fariseo

Fariseo diso fantatra ao amin' ny Testamenta Vaovao, izay nahay sy nampianatra ny lalàna Jiosy. Anankiray tamin' ny mpianany i Paoly Apostoly (Asa 22:3). Tena nanana ny fahefany izy teo amin' ny Synedria (Asa 5:34–40).

GENESISY. *Jereo koa* Pentateoka

Teny Grika izay “fiaviana” na fiandohana” no heviny. Ny bokin' i Genesisy no boky voalohany ao amin' ny Testamenta Taloha ka i Mosesy Mpaminany no nanoratra azy. Manazava ireo fiandohana maro izany, toy ny fahariana ny tany, ny fametrahana ny olona sy ny biby teto an-tany, ny fahalavaon' i Adama sy i Eva, ny fanambarana ny filazantsara tamin' i Adama, ny fiandohan' ny foko sy ny firazanana, ny fiavian' ireo fiteny samihafa tao Babela ary ny fiandohan' ny fianakavian' i Abrahama, izay niafara tamin' ny fananganana ny mpianakavin' i Isiraely. Asongadina ao amin' ny

Genesisy ny anjara asan' i Josefa tamin' ny maha-mpitsimbina ny Isiraely azy.

Ny fanambaran' ny andro farany dia manamarina sy manazava ny rakisoratry ny Genesisy (1 Ne. 5; Ete. 1; Mos. 1–8; Abr. 1–5).

Ao amin' ny bokin' ny Genesisy, ny toko 1–4: dia mitantara ny fahariana izao tontolo izao sy ny fivoaran' ny fianakavin' i Adama. Toko 5–10: mirakitra ny tantaran' i Noa. Toko 11–20: milaza ny amin' i Abrahama sy ny fianakaviany hatreo amin' ny andron' i Isaka. Toko 21–35: manjohy ny fianakavian' i Isaka. Toko 36: milaza ny amin' i Esao sy ny fianakaviany. Toko 37–50: milaza ny amin' ny fianakavian' i Jakôba ary mitantara ny nivarotana an' i Josefa tany Egipta mbamin' ny anjara asany tamin' ny famonjena ny mpianakavin' i Isiraely.

GETSEMANE. *Jereo koa* Oliva,

Tendrombohitra;

Sorompanavotana

Saha iray ao amin' ny Testamenta Vaovao, izay voalaza ho akaikin' ny Tendrombohitra Oliva. Ny teny hoe *getsemane* amin' ny fiteny Aramaika dia “famiazana oliva” no heviny. Nankao amin' ny saha i Jesoa ny alina namadihan' i Jodasy Azy. Tao Getsemane Izy no nivavaka sy niaritra noho ny fahotan' ny olombelona (Mat. 26:36, 39; Mar. 14:32; Jao. 18:1; Almà 21:9; F&F 19:15–19).

GIDEONA (BOKIN' I MÔRMÔNA)

Mpitondra mahatoky.

Lehilahy matanjaka sady fahavalon' i Noa Mpanjaka, **Môsià** 19:4–8. Nikaondoha tamin' i Limia Mpanjaka, **Môsià** 20:17–22. Nanolotra drafitra hoentimisoaka ny famatoran' ny Lamanita, **Môsià** 22:3–9. Novonoin' i Nehora, **Almà** 1:8–10.

GIDEONA (TESTAMENTA TALOHA)

Mpitondra iray izay nanafaka ny Isiraely tamin' ny Midianita (Mpits. 6:11–40; 7–8).

GOGA. *Jereo koa* Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany; Magoga

Mpanjakan' i Magoga. Naminany i Ezeiela fa hanafika an' i Isiraely i Goga amin' ny fotoan' ny fiavian' ny Tompo fanindroany (Ezek. 38–39). Ady iray hafa, atao hoe ny adin' i Goga sy i Magoga, no hitranga amin' ny fiafaran' ny Arivotaona (Fan. 20:7–9; F&F 88:111–116).

GOLGOTA. *Jereo koa* Fanomboana;

Jesoa Kristy

“Karandoha” no hevitra ny teny hoe *Golgota* amin' ny fiteny Aramaika. Iza ny no anaran' ny toerana izay nanomboana an' i Kristy (Mat. 27:33; Mat. 15:22; Jao. 19:17). Ny anaran' izany toerana izany amin' ny teny Latina dia Kalvaria (Lio. 23:33).

GÔLIATA. *Jereo koa* Davida

Ao amin' ny Testamenta Taloha, Filistiana goaibe izay nihantsy ny tafika Isiraely. Nanaiky ny fihantsiany i Davida ary nahafaty azy, nomban' ny fanampian' ny Tompo (1 Sam. 17).

GOMORA. *Jereo koa* Sodoma

Tanàna ratsy ao amin' ny Testamenta Taloha, izay noravan' ny Tompo (Gen. 19:12–29).

HABAKOKA

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha, tao Joda, izay niteny ny momba ny fahotan' ny vahoaka, angamba nandritra ny nanjakan' i Joiakina (sahabo ho 600 talohan' i j.k.).

Ny bokin' i Habakoka: Ny toko 1 dia resaka eo amin' ny Tompo sy ny mpaminaniny, mitovy amin' ireo izay ao amin' ny Jeremia 12 sy ny F&F 121. Sanganehana i Habakoka fa toa mahomby ny olon-dratsy. Ao amin' ny toko 2 dia notenenin' ny Tompo i Habakoka mba hanam-paharetana—ny olo-marina dia tsy maintsy mianatra ny miaina amin' ny finoana. Ny toko 3 dia mirakitra ny fivavak' i Habakoka izay nanekeny ny fahamarinan' Andriamanitra.

HABOKANA

Areti-mifindra voalaza matetika ao amin' ny Testamenta Taloha sy Vaovao. Maro tamin' ireo olo-malaza ao amin' ny Baiboly no voany, ka isan' izany i Mosesy (Eks. 4:6–7), i Miriama anabaviny (Nom. 12:10), i Namàna (2 Mpan. 5), ary ny Mpanjaka Ozia (2 Tan. 26:19–21).

Nanasitrana olona maro tamin' ny habokana i Jesoa, **Mat.** 8:2–4 (Mar. 1:40–45; Lio. 5:12–15; 3 Ne. 17:7–9). Nanasitrana boka folo i Jesoa, **Lio.** 17:11–19.

HADISOANA. *Jereo* Heloka

HAGARA. *Jereo koa* Abrahama;

Isimaela, Zanakalahin' i Abrahama

Ilay Egyptiana mpanompovavin' i Saraha ao amin' ny Testamenta Taloha. Nanjary vadin' i Abrahama izy ary renin' i Isimaela (Gen. 16:1–16; 25:12; F&F 132:34, 65). Nampanantena an' i Hagara ny Tompo fa firenena lehibe iray no haloaky ny zanakalahiny (Gen. 21:9–21).

HAGAY

Mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay naminany tao Jerosalema sahabo ho 520 talohan' i j.k. fotoana fohy taorian' ny niverenan' ny vahoaka Jiosy avy tany an-tsesitany tany Babylonia (Ezra 5:1; 6:14). Niresaka ny amin' ny fananganana indray ny tempolin' ny Tompo ao Jerosalema izy ary nandevilevy ny vahoaka satria tsy vita izany. Nanoratra koa ny momba ny tempolin' ny arivotaona sy ny fanjakan' ny Mpamonjy izy.

Ny bokin' i Hagay: Ao amin' ny toko 1 dia nandevilevy ny vahoaka ny Tompo noho izy ireo nahatsangana ny trano onenany raha tsy voatsangana kosa ny tempoly. Toko 2 dia mirakitra ny faminanian' i Hagay fa hanome fiadanana ao amin' ny tempoliny ny Tompo.

HAGOTA

Nefita mpanamboatra sambo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (Almà 63:5–7).

HAIZIM-PANAHY. *Jereo koa*

Faharatsiana

Faharatsiana na tsy fahalalana ny zava-panahy.

Lozan' izay manao ny haizina ho hazavana, **Isa.** 5:20 (2 Ne. 15:20). Ny haizina hanarona ny tany ary ny haizina matevina hanarona ny firenena, **Isa.** 60:2. Jesoa Kristy dia hanome hazavana ho an' ireo izay mipetraka ao amin' ny haizina, **Lio.** 1:79. Mampirapiratra ao amin' ny haizina ny hazavana fa ny haizina tsy mahazo azy, **Ja.** 1:5 (F&F 45:7). Ario ny asan' ny maizina ary itafio ny fiadian' ny mazava, **Rom.** 13:12. Aza manana fifandraisana amin' ny asan' ny maizina tsy mahavoka-tsoa, **Ef.** 5:8–11. Satria tsy mangataka ianareo, dia tsy entina eo amin' ny mazava ianareo fa tsy maintsy ho faty ao amin' ny haizina, **2 Ne.** 32:4. Manely ny asan' ny maizina i Satana, **Hel.** 6:28–31. Manjaka eto antany ny herin' ny maizina, **F&F** 38:8, 11–12. Mitoloko eo ambanin' ny haizina sy ny ota izao tontolo izao iray manontolo, **F&F** 84:49–54. Raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitro ny masonareo, dia tsy hisy haizina ao anatinareo, **F&F** 88:67. Nanomboka nanjakan' ny asan' ny maizina teo anivon' ny zanak' olombelona rehetra, **Mos.** 5:55.

HAIZINA IVELANY. *Jereo Devoly;*

Fahafatesana ara-panahy; Helo;

Zanaky ny Fahaverezana

HAKIHO

Ventin' ny halavàn-drefy fahita teo amin' ny Hebreo—hatreo amin' ny lohan' ny fanondroadala ka hatreo amin' ny kiho.

HALATRA. *Jereo Mangalatra***HALEMEN-PANAHY.** *Jereo koa*

Faharetana; Fanetren-tena; Fo

Torotoro

Matahotra an' Andriamanitra, marin-toetra, manetry tena, azo ampiaranina

ary manam-paharetana amin' ny fahoriana. Vonona hanaraka ny fampianaran' ny filazantsara ireo malemy fanahy.

I Mosesy dia lehilahy nalemy fanahy, **Nom.** 12:3. Ny mpandefitra no handova ny tany, **Sal.** 37:11 (Mat. 5:5; 3 Ne. 12:5; F&F 88:17). Mitadiava an' ny Tompo hianareo mpandefitra rehetra, tadiavo ny fahamarinana, tadiavo ny fandeferana, **Zef.** 2:3 (1 Tim. 6:11). Mianara amiko fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho, **Mat.** 11:29. Vokatry ny Fanahy ny fahalemem-panahy, **Gal.** 5:22–23. Ny mpamongpon' ny Tompo dia tokony ho malemy fanahy, mahay mampianatra, mahalefitra, mananatra ny mpanohitra amin' ny fahamoram-panahy, **2 Tim.** 2:24–25. Ny fanahy malemy sady miadana dia soa indrindra eo imason' Andriamanitra, **1 Pet.** 3:4. Manaisotra ny olona araka ny nofo sy tonga malemy fanahy, **Môsià** 3:19 (Almà 13:27–28). Nandidy an' i Helamàna Andriamanitra hampianatra ny olona ho malemy fanahy, **Almà** 37:33. Ampy ho an' ny malemy fanahy ny fahasovan' ny Tompo, **Ete.** 12:26. Manampinoana an' i Kristy ianareo noho ny fietrenareo, **Môrô.** 7:39. Tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mie-try am-po, **Môrô.** 7:44. Ny famelana ny fahotana dia mitondra halemem-panahy; ary noho ny halemem-panahy dia tonga ny famangian' ny Fanahy Masina, **Môrô.** 8:26. Mandehana amin' ny halemem-panahiko, **F&F** 19:23. Ento amin' ny halemem-panahy ny tokantranonao, **F&F** 31:9. Ny hery sy ny fitaoman' ny fisoronana dia tanana amin' ny alalan' ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po, **F&F** 121:41.

HAMA. *Jereo koa* Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly

Zanakalahy fahatelon' i Noa, ao amin' ny Testamenta Taloha (Gen. 5:32; 6:10; Mos. 8:12, 27).

Niditra ny sambofiara i Noa, ireo

zanakalahiny ary ny ankohonany, **Gen.** 7:13. Voaozona i Kanana, zanakalahin' i Hama, **Gen.** 9:18–25. Ny fitondram-panjakan' i Hama dia ny an' ny patriarika ary notahiana izy tamin' ny zavatra ny tany sy ny fahendrena fa tsy mba tamin' ny fisoronana, **Abr.** 1:21–27. Egyptosa, vadin' i Hama, dia taranak' i Kaina, ireo zanakalahin' i Egyptosa zanakavaviny dia nonina tany Egypta, **Abr.** 1:23, 25 (Sal. 105:23; 106:21–22).

HANA. *Jereo koa* Samoela, Mpaminanin' ny Testamenta Taloha

Ny renin' i Samoela, ilay mpaminanin' ny Testamenta Taloha. Nomen' ny Tompo an' i Hana i Samoela ho valin' ny fivavany (1 Sam. 1:11, 20–28). Natolotr' i Hana ho an' ny Tompo i Samoela. Ny hira fisaorany dia azo ampitahaina amin' ny an' i Maria, renin' i Jesoa (1 Sam. 2:1–10; Lio. 1:46–55).

HARA-MAGEDONA. *Jereo koa*
Fiavian' i Jesoa Kristy
Fanindroany; Goga; Magoga

Ny anarana hoe *Hara-magedona* dia avy amin' ny teny Hebreo hoe *Har Megiddon*, midika hoe ny “tendrombohitr' i Megido.” Ny lohasahan' i Megido dia ao amin' ny ilany andrefan' ny lemak' i Esdrelôna, valopolo kilaometatra ao avaratr' i Jerosalema, ary toerana nitrangan' ireo ady lehibe maro tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha. Ny ady lehibe sady farany izay hitranga any akaikin' ny fotoana hiavian' ny Tompo fanindroany no atao hoe adin' i Hara-magedona, satria hanomboka eo amin' io toerana io izany. (Jereo Ezek. 39:11; Zak. 12–14; indrindra fa ny 12:11; Fan. 16:14–21).

HARENA. *Jereo koa* Fiavonavonana; Vola

Habetsahan' ny fananana. Mananatra ireo olomasina ny Tompo mba tsy hikatsaka ny haren' ny tany afa-tsy hanaovan-tsoa ihany. Tsy tokony hame-traka ny fikatsahana ny haren' ny tany mialoha ny fikatsahana ny fanjakan'

Andriamanitra izay mihazona ny haren' ny mandrakizay ny olomasina (Jkb. 2:18–19).

Raha mitombo ny harena, dia aza anorenana ny fonareo, **Sal.** 62:10. Ny harena dia tsy mahaso amin' ny andron' ny fahatezerana, **Ohab.** 11:4. Izay matoky ny haren' dia ho lavo, **Ohab.** 11:28. Aleo ho tsara laza toy izay ho be harena, **Ohab.** 22:1. Manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny manankarena amin' ny fanjakan' Andriamanitra, **Mar.** 10:23 (Lio. 18:24–25). Ny fitiavambola no fototry ny ratsy rehetra, **1 Tim.** 6:10. Lozan' ny manankarena izay manamavo ny mahantra, ary ny haren' no andriamaniny, **2 Ne.** 9:30. Tsy mba nanankina ny fony tamin' ny harena ny olo-marina fa nizara tamin' ny rehetra, **Almà** 1:30. Nanomboka nieboebo noho ny haren' ny olona, **Almà** 4:6–8. Nanomboka niavaka araka ny saranga ny olona, araka ny haren' ny haren', **3 Ne.** 6:12. Aza mikatsaka harena fa fahendrena kosa, **F&F** 6:7 (Almà 39:14; F&F 11:7). An' Andriamanitra ny haren' ny tany ka Izy no manome azy; nefa mitandrema amin' ny avonavona, **F&F** 38:39.

Haren' ny mandrakizay: Miharia harena any an-danitra: **Mat.** 6:19–21. Impiry Aho no efa niantso anareo tamin' ny haren' ny fiainana mandrakizay, **F&F** 43:25. Ny haren' ny mandrakizay dia Ahy ka omena, **F&F** 67:2 (F&F 78:18).

HARRIS, MARTIN. *Jereo koa* Vavolombelon' ny Bokin' i Môrmôna

Anankiray amin' ireo Vavolombelona Telo ny amin' ny maha-avy amin' Andriamanitra sy ny amin' ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna. Nanampy an' i Joseph Smith sy ny Fiangonana ara-bola izy. Nangataka an' i Martin Harris ny Tompo hivarotra ny fananany ary hano-me ny vidiny handoavana ny fanontana ny Bokin' i Môrmôna (F&F 19:26–27, 34–35); ho fakan-tahaka ho an' ny Fiangonana (F&F 58:35); ary hanampy amin' ny fandoavana ny fandanianana amin' ny asa fanompoana (F&F 104:26).

Noroahina tsy ho mpikambana tao

amin' ny Fiangonana i Martin Harris saingy niverina ho mpikambana feno izy tatỳ aoriana. Hatrany amin' ny fiakaran' ny fiainany dia vavolombelona nanambara izy fa nahita ny anjely Môrônia sy ireo takela-bolamena izay avy amin' izany no nandikan' i Joseph Smith ny Bokin' i Môrmôna.

HASAMBARANA. *Jereo Fifaliana*

HASAROTAM-PIARO. *Jereo*

Saro-piaro

HASOSORANA. *Jereo*

Fahatezerana

HATSARAN-TOETRA. *Jereo koa*

Fahadiovam-pitondrantena;

Hery; Hitsim-po

Hitsim-po sy fahambonian-toetra, Fahafana sy hery (Lioka 8:46) na fahadiovana ara-nofa (Môrô. 9:9).

Vehivavy tsara hianao, **Rota** 3:11. Izay madio tanana sy mahitsy fo no hitoetra eo amin' ny fitoerana masin' ny Tompo, **Sal.** 24:3–4. Ny vehivavy tsara dia satroboninahitry ny lahy, **Ohab.** 12:4. Ny tomban' ny vehivavy tsara dia mihoatra lavitra noho ny voahangy, **Ohab.** 31:10–31. Amin' ny finoanareo dia manehoa toe-panahy araka an' Andriamanitra, **2 Pet.** 1:5 (F&F 4:6). Andramo ny herin' ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 31:5. Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy, **F&F** 121:45. Mino isika fa tokony ho mendrika, **Fp.** 1:13 (Filip. 4:8).

HAZO OLIVA. *Jereo koa Diloilo;*

Isiraely

Hazo fahita any Isiraely sady loharanon-karena lehibe eo amin' ny fambolena tao amin' ny tany ao amin' ny Baiboly. Volena noho ny hazony ary ny diloilo azo avy aminy. Ampiasaina matetika ho mari-pamantarana ny mpianakavin' i Isiraely ny hazo oliva ao amin' ny Soratra Masina.

Ny mpianakavin' i Isiraely dia ampi-tahaina amin' ny hazo oliva anankiray izay notapahina ny rantsany ary aely

patrana, **1 Ne.** 10:12 (1 Ne. 15:12). Nampitahain' ny Tompo amin' ny hazo oliva voakolokolo ny mpianakavin' i Isiraely, **Jkb.** 5–6. Nantsoin' i Joseph Smith hoe ravin' oliva ny fanambarana ao amin' ny fizarana 88, **F&F** 88: lohateny. Niteny tamin' ny mpanompony ilay andriandahy hankao amin' ny tanim-boalobony sy hamboly hazo oliva roa ambin' ny folo, **F&F** 101:43–62.

HAZOFIJALIANA. *Jereo koa Fanasan'*

ny Tompo; Fanomboana; Golgota;

Jesoa Kristy; Sorompanavotana

Hazo narafitra izay nanomboana an' i Jesoa Kristy (Mar. 15:20–26). Maro eo amin' izao tontolo izao ankehitriny no mihevitra izany toy ny tandindon' ny fanomboana an' i Kristy sy ny sorona fanoneran-keloka nataony; ny Tompo anefa dia efa nametraka izay ho tandindon' ny fanomboana Azy sy ny sorona nataony—ny mofo sy ny ranon' ny fanasan' ny Tompo (Mat. 26:26–28; F&F 20:40, 75–79). Ao amin' ny soratra masina, ireo izay mitondra ny hazofijaliany dia ireo izay tia an' i Jesoa Kristy fatratra tokoa ka mandà eo amin' ny tenany ny toetra tsy araka an' Andriamanitra sy ny filan' izao tontolo izao rehetra ary mitandrana ny didiny (DJS, Mat. 16:25–26).

Ento ny hazofijaliana dia manaraha Ahy, **Mar.** 10:21 (3 Ne. 12:30; F&F 23:6). Niaritra ny hazofijaliana i Jesoa ary napetraka eo ankavanany ny seza fiandrianan' Andriamanitra, **Heb.** 12:2. Nahantona teo amin' ny hazofijaliana Izy ary novonoina noho ny fahotan' izao tontolo izao, **1 Ne.** 11:33. Ireo izay efa niaritra ny hazofijalian' izao tontolo izao no handova ny fanjakan' Andriamanitra, **2 Ne.** 9:18. Naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manantona Ahy eo amin' ny hazofijaliana, **3 Ne.** 27:14–15. Izay tsy te hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy ary hitandrana ny didiko dia tsy ho vonjena, **F&F** 56:2. Jereo ny Zanak' olona nasandratra teo amin' ny hazofijaliana, **Mos.** 7:55.

HAZON' AINA. *Jereo koa Edena*

Hazo iray tao amin' ny Sahan' i Edena sy ny paradisan' Andriamanitra (Gen. 2:9; Fan. 2:7). Ao amin' ny nofin' i Leahia, ny hazon' aina dia maneho ny fitiavan' Andriamanitra, ary lazaina ho ny lehibe indrindra amin' ny fanomezan' Andriamanitra rehetra (1 Ne. 8; 11:21–22, 25; 15:36).

Ny kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby no mambina lalana mankany amin' ny hazon' aina, **Gen.** 3:24 (Almà 12:21–23; 42:2–6). Nahita ny hazon' aina i Jaona ary ho fanasitrana-na ny firenena maro ny ravin' ny hazo, **Fan.** 22:2. Nahita ny hazon' aina i Leahia, **1 Ne.** 8:10–35. Nahita ilay hazo izay efa hitan-drainy i Nefia, **1 Ne.** 11:8–9. Ilay anja-by dia nitondra nankamin' ny hazon' aina, **1 Ne.** 11:25 (1 Ne. 15:22–24). Hantsana mahatsiravina no nanasaraka ny ratsy fanahy tamin' ny hazon' aina, **1 Ne.** 15:28, 36. Tsy maintsy ilaina ny hisian' ny voankazo voarara, dia ny mifanohitra amin' ny hazon' aina, **2 Ne.** 2:15. Mankanesa eo amin' ny Tompo, ary mihinanana amin' ny voan' ny hazon' aina, **Almà** 5:34, 62. Raha toa ka azon' ireo ray aman-drenitsika voalohany natao ny nihinana tamin' ny hazon' aina, dia ho efa fadiranovana mandrakizay izy ireo, **Almà** 12:26. Raha tsy te hama-hana ny teny ianareo dia tsy ho afaka na oviana na oviana mioty ny voa avy amin' ilay hazon' aina, **Almà** 32:40. Ny Tompo dia namboly ny hazon' aina koa teo afovoan' ny saha, **Mos.** 3:9 (Abr. 5:9). Noroahin' Andriamanitra avy tao Edena i Adama ndrao haninjitra ny tanany izy ary haka amin' ny hazon' aina ary ho velona mandrakizay, **Mos.** 4:28–31.

HEBREO. *Jereo koa Isiraely*

Fiteny Semitika tenenin' ny zanak' i Isiraely.

Ny Hebreo no tenin' ny Isiraelita mandra-piveriny avy tamin' ny fahababoana tany Babylonia, ka tamin' izay fotoana izay dia ny Aramaika no

nanjary fiteny teo amin' ny resaka andavanandro. Nandritra ny fotoan' i Jesoa, dia ny Hebreo no nanjary fite-nin' ny olo-mahay, ny lalàna ary ny haisoratra ara-pivavahana.

HEBREO, EPISTILY HO AN' NY.

Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly

Boky iray ao amin' ny Testamenta Vaovao. Nanoratra ity taratasy ity ho an' ireo Jiosy mpikambana ao amin' ny Fiangonana i Paoly mba handresy lahatra azy ireo, fa ireo lafiny manandanja amin' ny lalàn' i Mosesy dia efa tanteraka tao amin' i Kristy, fa ny lalàna ambony amin' ny filazantsaran' i Kristy no efa nisolo izany. Rehefa niverina tao Jerosalema i Paoly tamin' ny fiafaran' ny asa fitoriana fahatelo (sahabo ho ny 60 taorian' i J.K.), dia hitany fa maro ireo Jiosy mpikambana amin' ny Fiangonana no mbola niaina araka ny lalàn' i Mosesy (Asa 21:20). Izany dia folo taona taorian' ny fihonamben' ny Fiangonana tao Jerosalema farafahakeliny, izay efa nana-pahana fa tsy ilaina ho amin' ny famonjena ny Kristiana Jentilisa ny sasantsasany amin' ny lalàn' i Mosesy. Vetivety foana taorian' izay dia toa nanoratra ho an' ny Hebreo i Paoly mba haneho aminy amin' ny alalan' ny soratra masina eo aminy sy amin' ny alalan' ny fisainana mitombina, ny antony tsy tokony hampiharana intsony ny lalàn' i Mosesy.

Toko 1 sy 2 dia manazava fa lehibe kokoa noho ny anjely i Jesoa Kristy. Toko 3–7 dia mampitaha an' i Jesoa amin' i Mosesy sy amin' ny lalàn' i Mosesy ka mijoro ho vavolombelona fa lehibe kokoa noho ireo Izy. Mampianatra koa izany fa ny Fisoronana Melkizedeka dia lehibe kokoa noho ny Fisoronana Aharôna. Toko 8–9 dia milazalaza ny fomba nanomanan' ny ôrdônansin' i Mosesy ny olona ho amin' ny asa fanompoan' i Kristy sy ny maha-mpanalalana an' i Kristy amin' ny fanekempihavanana vaovao (Almà 37:38–45; F&F 84:21–24). Toko

10 dia fandrisihana ho amin' ny fahazotoana sy ny fahatokiana. Toko 11 dia lahateny ny amin' ny finoana. Toko 12 dia manome fananarana sy fiarahabana. Toko 13 dia manazava ny maha-mendri-kaja ny toetry ny fanambadiana sy ny maha-lehibe ny fankatoavana.

HEBRONA

Tanàna fahiny tany Joda, roa amby telopolo kilaometatra tao atsimon' i Jerosalema. Toerana nandevenana an' i Abraham sy ny fianakaviany izany (Gen. 49:29–32). Renivohitr' i Davida izany nandritra ny fiandohan' ny fitondrany (2 Sam. 5:3–5).

HELAMÀNA, IREO

ZANAKALAHIN' I. *Jereo koa*
Antia-Nefia-Lehia; Helamàna,
Zanakalahin' i Almà

Ireo zanakalahin' ny Lamanita niova fo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, fantatra amin' ny hoe Amônita, izay nanjary mpiantafika niandraiketan' i Helamàna (Almà 53:16–22).

Noheverin' i Helamàna ho mendrika ny hatao hoe zanany izy ireo, **Almà** 56:10. Efa fampianarin' ny reniny izy ireo tsy hiahiahy ny fahafahan' ny Tompo manafaka azy ireo, **Almà** 56:47. Nandresy ny Lamanita izy ireo ary notsimbinin' ny finoany fatratra ka tsy nisy voavono, **Almà** 56:52–54, 56; 57:26.

HELAMÀNA, ZANAKALAHIN' I

ALMÀ. *Jereo koa* Almà,
Zanakalahin' i Almà; Antia-
Nefia-Lehia; Helamàna, ireo
Zanakalahin' i

Ao amin' ny Bokin' i Almà, ny lahimatoan' i Almà, zanakalahin' i Almà (Almà 31:7). Mpaminany sady mpitaritafika i Helamàna.

Nankinin' i Almà tamin' i Helamàna zanakalahiny ny rakitsoratra ny vahoakany mbamin' ireo takelaky ny Jarèdita, **Almà** 37:1–2, 21. Nandidy an' i Helamàna i Almà hanohy ny fanoratana ny tantaran' ny vahoakany,

Almà 45–62. Naorin' i Helamàna in-dray ny fiangonana, **Almà** 45:22–23. Naniry an' i Helamàna ho mpitondra azy ny zatovo Amônita mpiantafika roa arivo, **Almà** 53:19, 22. Niady tamin' ny Lamanita i Helamàna sy ny Amonita zatovony ary voatsimbina' ny finoana, **Almà** 57:19–27.

HELAMÀNA, ZANAKALAHIN' I BENJAMINA MPANJAKA.

Jereo koa Benjamina, Rain' i Môsia

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, anankiray amin' ireo zanaka telolahin' i Benjamina Mpanjaka (Môsia 1:2–8).

HELAMÀNA, ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA

Mpaminany sady mpitana rakitsoratra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nampianatra ny vahoaka Nefita. Zafin' i Almà zanany izy ary rain' i Nefia izay nomena fahefana amin' ny singa rehetra (Hel. 5–10). Izy sy i Nefia zanakalahiny no nanoratra ny bokin' i Helamàna.

Ny bokin' i Helamàna: Toko 1–2: mitantara ny fotoan' ny korontana pôlitika lehibe. Toko 3–4: mirakitra fa farany dia nisy fotoana nahavitan' i Helamàna sy i Môrônihà, lohan' ny kapitenin' ny tafika Nefita, nampandry fahalemana ny tany. Na dia teo aza anefa ny fitarihan' ireo lehilahy tsara ireo, dia nitombo hatrany hatrany ny faharatsian' ny vahoaka. Toko 5–6: nafoin' i Nefia ny teoram-pitsarana, toy ny efa nahafoizan' i Almà raibeny izany koa, mba hampianatra ny vahoaka. Nisy fotoana nibebaran' ny olona. Ao amin' ny toko 6–12 anefa dia ny firenena Nefita no nanjary ratsy. Ny toko farany 13–16 dia mirakitra ny tantara mahagagan' ny mpaminany atao hoe Samoela ilay Lamanita izay nilaza mialoha ny fahaterahana sy ny fanomboana ny Mpanomby mbamin' ireo famantarana izay hanamarika izany.

HELO.

Jereo koa Devoly; Fahafatesana
Ara-panahy; Fahamelohana;
Zanaky ny Fahaverezana

Ny fanambaran' ny andro farany dia

niteny momba ny helo amin' ny heviny roa farafahakeliny. Voalohany: fonenana tsy maharitra ao amin' ny tontolon' ny fanahy ho an' ireo izay tsy nankatò tetỳ an-tany. Manam-piafarana ny helo amin' izay heviny izay. Hampianarina ireo fanahy ny filazantsara ary misy fotoana aorian' ny fibebahany, izay hananganana azy ireo amin' ny maty ho amin' ny ambaratongam-boninahitra mendrika azy ireo. Ireo izay tsy te hibe-baka, na dia tsy zanaky ny fahaverezana aza anefa, dia hitoetra ao amin' ny helo mandritra ny Arivotaona. Aorian' ireo arivo taom-pijaliana ireo, dia hatsangana amin' ny maty ho amin' ny voninahitra teletialy izy ireo (F&F 76:81–86; 88:100–101).

Faharao: fonenana maharitra ho an' ireo izay tsy voavotry ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Maharitra ny helo amin' izay heviny izay. Izany dia ho an' ireo izay “mbola hita maloto” (F&F 88:35, 102). Izany no toerana izay honenan' i Satana, ny anjelin' ary ireo zanaky ny fahaverezana—ireo izay nandà ny Zanaka taorian' ny efa nambaran' ny Ray Azy—mandrakizay (F&F 76:43–46).

Manondro ny helo ho ny haizina ivelany indraindray ny soratra masina. Tsy havela ao amin' ny helo ny fanahin' i Davida, **Sal.** 16:10 (**Sal.** 86:13). Mandeha any amin' ny helo, any amin' ny afo izay tsy hovanoina na oviana na oviana, **Mar.** 9:43 (**Môsià** 2:38). Nanandratra ny masony tao amin' ny helo ilay mpanan-karena rehefa tao amin' ny fijaliana, **Lio.** 16:22–23 (F&F 104:18). Samy namoaka ny maty tao aminy ny fahafatesana sy ny helo, **Fan.** 20:13. Misy toerana voaomana, eny, dia ilay helo mahatsiravina, **1 Ne.** 15:35. Ny sitrapon' ny nofo dia manome fahefana ny fanahin' ny devoly hitondra anareo hidina any amin' ny helo, **2 Ne.** 2:29. Efa nanomana lalana ho fanafahana antsika amin' ny fahafatesana sy ny helo i Kristy, **2 Ne.** 9:10–12. Ireo izay mijanona ho maloto dia mandeha any amin' ny fijaliana maharitra mandrakizay, **2 Ne.**

9:16. Manambaka ny fanahiny ny devoly ka mitarika azy amim-pahamalinana tokoa hidina any amin' ny helo, **2 Ne.** 28:21. Efa nanavotra ny fanahiko tamin' ny helo i Jesoa, **2 Ne.** 33:6. Vahao ny tenanareo ho afaka amin' ny fangirifirian' ny helo, **Jkb.** 3:11. Ny hoentiny ny devoly ho babo ary ny hotarihin' ny sitrapony any amin' ny famongorana no gadran' ny helo, **Almà** 12:11. Ny olon-dratsy dia atsipy any amin' ny haizina ivelany mandrapahatongan' ny fotoan' ny fitsangana ny amin' ny maty, **Almà** 40:13–14. Ho fadiranovana kokoa ny maloto hiarahitoetra amin' Andriamanitra toy izay hitoetra ao amin' ny helo, **Môrm.** 9:4. Ny famaizana omena avy amin' ny tanako dia famaizana tsisy farany, **F&F** 19:10–12. Toerana voaomana ho an' ny devoly sy ny anjelin' ny helo, **F&F** 29:37–38. Ireo izay manaiky an' Andriamanitra dia afahana amin' ny fahafatesana sy ny gadran' ny helo, **F&F** 138:23.

HELOKA. *Jereo koa* Fibebahana

Ny fahatsapana hadisoana na fahatsapana nenina na alahelo izay tokony hanaraka ny fahotana.

Efa nanota izy ary meloka, **Lev.** 6:1–6. Na zovy na zovy no mandray amin' ny fanasan' ny Tompo tsy amim-pahamendrehana dia ho meloka amin' ny vatana sy ny ran' i Jesoa, **1 Kor.** 11:27. Sarotra ho an' ny olo-meloka ny mandray ny fahamarinana, **1 Ne.** 16:2. Hanana fahalalana tomombana ny amin' ny hadisoantsika rehetra isika, **2 Ne.** 9:14. Nofafana ny hadisoako, **Enô.** 1:6. Nisy famaizana mitovana izay nitondra fanenenan' ny fieritreretana, **Almà** 42:18. Aoka ny fahotanao ihany no hanahirana anao amin' ny fahasahiranana izay hitondra anao hidina any amin' ny fibebahana, **Almà** 42:29. Meloka eo anoloako ny sasany aminareo saingy ho feno famindram-po Aho, **F&F** 38:14. Ny Zanak' Andriamanitra dia efa nanonitra ny hadisoana fototra, **Mos.** 6:54.

HENI-PAHALALANA. *Jereo koa*
Andriamanitra

Ny toetran’ Andriamanitra manana ny fahalalana rehetra (Mat. 6:8; 2 Ne. 2:24).

HERIMPO. *Jereo koa* Finoana; Tahotra

Tsy matahotra, indrindra ny hanao izay tsara.

Mahereza sy matanjaha, **Deot.** 31:6 (Jos. 1:6–7). Mahereza tsara ianareo hitandrina sy hanao izay rehetra voasoratra, **Jos.** 23:6. Tsy nomen’ Andriamanitra antsika ny fanahin’ ny tahotra, **2 Tim.** 1:7. Mahazo hery ny fony nony reny, **Almà** 15:4 (Almà 62:1). Ireo zanakalahin’ i Helamàna dia sahy fatratra tokoa raha ny herimpo, **Almà** 53:20–21. Na oviana na oviana dia tsy nahita herimpo lehibe toy izany aho, **Almà** 56:45. Mahereza ry rahalahy, dia mandrosoa, mandrosoa mankamin’ ny fandresena, **F&F** 128:22.

HERODA


Fianakavian’ ireo mpanapaka tany Jodia tamin’ ny andian’ i Jesoa Kristy. Olona nanana anjara toerana lehibe izy ireo tamin’ ireo toe-javatra maro ao amin’ ny Testamenta Vaovao. Jereo ny soritsary manaraka:

HERODIASY

Anabavin’ i Heroda Agripa ao amin’ ny Testamenta Vaovao. Izy dia nanambady an’ i Heroda Filipo dadatoany izay niterahany an’ i Salome zanakavaviny. Nioko izy sy i Salome mba hampanapaka ny lohan’ i Jaona Mpanao Batisa (Mat. 14:3–11).

HERY. *Jereo koa* Fahefana;
Fisoronana

Ny fahafahana manao zavatra iray. Ny fananana hery amin’ ny olona na zavatra iray dia fananana fahafahamifehy na mandidy ilay olona na ilay zavatra. Ao amin’ ny Soratra Masina, mazàna ny hery dia mifamatotra amin’ ny herin’ Andriamanitra na ny herin’ ny lanitra. Matetika izy dia mifandray



akaiky amin' ny fahefan' ny fisorona-
na izay fahazoan-dalana na zo hiasa
ho an' Andriamanitra.

Kanefa izao indrindra no nampahare-
tako anao, dia ny hampahita anao ny
heriko, **Eks.** 9:16. Andriamanitra no
heriko sy tanjako, **2 Sam.** 22:33. Aza
mamihina ny soa amin' izay tokony
homena azy, raha eo an-tananao ny
hery hanaovana izany, **Ohab.** 3:27.
Izaho kosa dia feno hery, dia ny Fana-
hin' ny Tompo, **Mika** 3:8. Efa nomena
Ahy ny fahefana rehetra any an-dani-
tra sy ety an-tany, **Mat.** 28:18. Dia
talanjona ny olona tamin' ny fampia-
narany, satria nisy fahefana ny teniny,
Lio. 4:32. Mitoera eto an-tanàna man-
dra-panafiana anareo amin' ny hery
avy any amin' ny avo, **Lio.** 24:49. Fa
izay rehetra nandray Azy dia nomeny
hery ho tonga zanak' Andriamanitra,
Ja. 1:12 (F&F 11:30). Fa hahazo hery
hianareo amin' ny hilatsahan' ny Fa-
nahy Masina aminareo, **Asa** 1:8. Tsy
misy fahefana afa-tsy izay avy amin'
Andriamanitra, **Rom.** 13:1. Arovan'
ny herin' Andriamanitra amin' ny
finoana ianareo ho amin' ny famonje-
na, **1 Pet.** 1:3–5. Heniky ny herin'
Andriamanitra aho, **1 Ne.** 17:48. Nane-
hoana izany tamin' ny herin' ny Fana-
hy Masina aho, **Jkb.** 7:12. Ny olona
iray dia mety hahazo hery lehibe ome-
na azy avy amin' Andriamanitra,
Môsià 8:16. Nampianatra tamin' ny
hery sy ny fahefan' Andriamanitra
izy ireo, **Almà** 17:2–3. Nanompo
tamin' ny hery sy ny fahefana lehibe
i Nefia, **3 Ne.** 7:15–20 (3 Ne. 11:19–22).
Na mety hanana hery hanaovana asa
mahatalanjona maro aza ny olona iray,
kanefa raha mirehareha amin' ny
herin' ny tenany izy, dia tsy maintsy
lavo izy, **F&F** 3:4. Ao amin' ny olona
tsirairay ny hery hanao ny tsara, **F&F**
58:27–28. Miharihary ao amin' ny ôr-
dônansin' ny fisoronana Melkizedeka
ny herin' ny toetran' Andriamanitra,
F&F 84:19–22. Ny zon' ny fisorona-
na dia mifamatotra tsy azo sarahina
amin' ny herin' ny lanitra, **F&F**
121:34–46. Izaho no hitantana anao

amin' ny tanako, ary ho eo aminao ny
heriko, **Abr.** 1:18.

HEVI-DRAVINA. *Jereo koa* Fitenenan-dratsy

Fanamaivanana ireo zava-masina (F&F
84:54).

Tsy tokony hanao hevi-dravina na
tokelaka tafahoatra ny olomasina,
F&F 88:69. Atsaharo ny fiavonavona-
nareo sy ny hevi-dravinareo rehetra,
F&F 88:121.

HEZEKIA

Mpanjaka marina tamin' ny firenen' i
Joda, ao amin' ny Testamenta Taloha.
Nanjaka nandritra ny sivy amby roa-
polo taona izy, nandritra ny fotoana
naha-mpaminany an' i Isaia tany Joda
(2 Mpan. 18–20; 2 Tan. 29–32; Isa. 36–
39). Nanampy azy tamin' ny fanatsara-
na ny fiangonana sy ny fitondrana i
Isaia. Nanafoana ny fanompoan-tsampy
izy ary namerina indray ny fanompoa-
na tao amin' ny tempoly. Nohalavaina
dimy ambin' ny folo taona ny androm-
piainany noho ny vavaka sy ny finoana
(2 Mpan. 20:1–7). Niroborobo ny tapany
voalohany tamin' ny fitondrany, saingy
ny fikomiany tamin' ny mpanjakan' i
Asiria (2 Mpan. 18:7) dia niteraka an'
ireo fanafihana roa nataon' ny Asiriana:
ny voalohany dia voatantara ao amin'
ny Isaia 10:24–32, ny faharoa dia ao
amin' ny 2 Mpan. 18:13–19:7. Tamin'
ny fanafihana faharoa, dia novonjen'
ny anjelin' ny Tompo i Jerosalema
(2 Mpan. 19:35).

HIMNIA. *Jereo koa Môsià,*
Zanakalahin' i; Môsià,
Zanakalahin' i Benjamîna

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, anan-
kiray amin' ny zanakalahin' i Môsià
Mpanjaka. Nandeha niaraka tamin'
ireo rahalahiny i Himnia mba hitory
amin' ny Lamanita (Môsià 27:8–11,
34–37; 28:1–9).

HIRAM-PIDERANA. *Jereo koa*
Mihira; Mozika

Hira fankalazana an' Andriamanitra

Nanao hiram-piderana ny Apostoly Roa ambin' ny folo talohan' ny nitokanan' ny Tompo tao Getsemane, **Mat.** 26:30. Niantso an' i Emma Smith ny Tompo mba hanao fifantenana ireo hiram-pivavahana masina, **F&F** 25:11. Ny hiran' ny marina dia vavaka ho Ah'y ary hovaliana amin' ny fitahiana eo ambony lohany izany, **F&F** 25:12. Miderà ny Tompo amin' ny hira sy amin' ny mozika, **F&F** 136:28.

HITSIM-PO. *Jereo koa* Fahamarinan-toetra; Fahamarinana

Fahamarinana, Fahamarinan-toetra ary fahatsoram-po.

Tsy hoesoriko hiala amiko ny hitsimpoko mandra-pahafatiko, **Joba** 27:5. Mandeha amin' ny hitsim-po ny olona marina, **Ohab.** 20:7. Izy ireo dia lehilahy marina tamin' ny fotoan-drehetra, na inona na inona zavatra nankinina taminy, **Almà** 53:20. Tia an' i Hyrum Smith ny Tompo noho ny fahitsian' ny fony, **F&F** 124:15.

HOSANA

Teny Hebreo izay “vonjeo re izahay” no heviny ary ampiasaina ho fiderana sy fitalahoana.

Tamin' ny Firavoravoana nankalazana ny Tabernakely, izay nanamarihana ny nanafahan' ny Tompo ny Isiraely ho any amin' ny tany nampanantenaina, ny vahoaka dia niantsa ny tononkiran' ny Salamo 118 sy nanofahofa sampan-drofia. Tamin' ny fidiran' ny Tompo nanakoako tao Jerosalema, ny valalabemandry dia nihiaka hoe “Hosana” sy namelatra sampan-drofia mba hodia-vin' i Jesoa ka naneho tamin' izany ny fahatakarany fa i Jesoa ihany no Ilay Tompo izay efa nanafaka ny Isiraely fahizay (**Sal.** 118:25–26; **Mat.** 21:9, 15; **Mar.** 11:9–10; **Jao.** 12:13). Nahafantatra an' i Kristy ho ilay Mesia nandrasana ela ireo olona. Zary fankalazana ny Mesia tamin' ny taona rehetra ny teny hoe *Hosana* (1 **Ne.** 11:6; 3 **Ne.** 11:14–17). Tafiditra tao amin' ny fanokanana ny Tempolin' i Kirtland ny hiaka hoe

Hosana (**F&F** 109:79) ary ankehitriny dia tafiditra amin' ny fanokanana tempoly maoderina izany.

HOSEA

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha, izay naminany tao amin' ny fanjakan' i Isiraely Avaratra nandritra ny tapany farany tamin' ny nitondran' i Jeroboama II. Izy dia niaina nandritra ny fotoana nisian' ny fitotonganana sy ny faharavan' ny firenena, vokatry ny fahotan' ny Isiraely.

Ny bokin' i Hosea: Ny ventin-kevitra fototra ao amin' ny boky dia ny fitiavan' Andriamanitra ny vahoakany. Nampiharina tamim-pitiavana ny famaizana rehetra ary ny famerenana ny Isiraely ho amin' ny laoniny dia ho vokatry ny fitiavany (**Hosea** 2:19; 14:4). Asehon' i Hosea miavaka tsara fa mpametsifetsy sy tsy mahatoky ny Isiraely. Hain' Andriamanitra ihany anefa ny mian-drandra ny fanavotana farany ny Isiraely (**Hosea** 11:12–14:9).

HYDE, ORSON

Mpikambana tao amin' ny Kôlejy Voalohan' ny Apostoly Roa ambin' ny folo, nantsoina tamin' izao fotoampitantanana izao (**F&F** 68:1–3; 75:13; 102:3; 124:128–129). Nanefa iraka maro ho an' ny Fiangonana izy ka anisan' izany ny fanokanana ny Tany Masina ho fodian' ny vahoaka Jiosy.

ILAY VOAHSOTRA. *Jereo koa*
Jesoa Kristy; Mesia

Jesoa dia atao hoe Kristy (teny Grika) na ny Mesia (teny Aramaika). Samy midika hoe “Ilay voahosotra” izany. Izy no *Ilay voahosotry* ny Ray ho solon-tena manokan' ny Ray amin' ny zavatra rehetra mikasika ny famonjena ny olombelona.

Efa nanosotra ahy ny Tompo, **Isa.** 61:1–3. Efa nanosotra olona iray hitory ny filazantsara izy, **Lio.** 4:16–22. Efa nohosoran' Andriamanitra Ray i Jesoa, **Asa** 4:27. Nanosotra an' i Jesoa avy any Nazareta Andriamanitra, **Asa** 10:38.

IMANOELA. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Anankiray amin' ireo anaran' i Jesoa Kristy. Avy amin' ny teny Hebreo izany ary "momba antsika Andriamanitra" no heviny.

Imanoela dia anarana sady anaram-boninahitra nomena ho famantarana ny fanafahan' Andriamanitra (Isa. 7:14). Ny filazan' i Isaia an' i Imanoela dia nahariharin' i Matio indrindra ho toy ny faminiana ny amin' ny fahaterahan' i Jesoa teo amin' ny fiainana mety maty (Mat. 1:18–25). Hita koa ao amin' ny soratra masin' ny andro farany ilay anarana (2 Ne. 17:14; 18:8; F&F 128:22).

IRAY. *Jereo* Andriamanitra; Firaisan-kina**ISAIA**

Mpaminany iray tao amin' ny Testamenta Taloha, izay naminany tamin' ny taona 740 ka hatramin' ny 701 talohan' i J.K. Noho i Isaia lohan' ny mpamolotsaina an' i Hezekia mpanjaka, dia nisy akony lehibe teo amin' ny fivavahana sy ny fitondram-panjakana ny herim-pitaomany.

Nindrana matetika kokoa ny tenin' i Isaia noho ny tenin' ny mpaminany hafa rehetra i Jesoa. Nindrana matetika koa ny tenin' i Isaia i Petera, i Jaona ary i Paoly ao amin' ny Testamenta Vaovao. Bebe kokoa ireo indran-teny avy ao amin' ny Isaia noho ireo avy amin' ny mpaminany hafa rehetra raketin' ny Bokin' i Môrmôna mbamin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, izay manampy be amin' ny fahatakarana an' ny Isaia. Nampianatra ny olona avy amin' ny asasoratr' i Isaia i Nefia (2 Ne. 12–24; Isa. 2–14). Nilaza tamin' i Nefia ny Tompo fa "lehibe ny tenin' i Isaia", ary ny zavarehetra izay i Isaia no naminany azy dia ho tanteraka (3 Ne. 23:1–3).

Ny bokin' i Isaia: Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha. Maro amin' ny faminanian' i Isaia no mivaofy ny amin' ny fiavian' ny Mpanavotra, na ny asa fanompoany teto an-tany (Isa. 9:6), na

ny maha-Mpanjaka Lehibe Azy amin' ny andro farany (Isa. 63). Naminany betsaka koa ny momba ny hoavin' ny Isiraely izy.

Ny toko 1 dia sasin-teny ho an' ny boky manontolo. Ny Isaia 7:14, 9:6–7; 11:1–5; 53:1–12 ary 61:1–3 dia milaza mialoha ny momba ny asa anirahana ny Mpamonjy. Ny toko 2, 11, 12 ary 35 dia milazalaza ny toe-javatra amin' ny andro farany, rehefa haverina ho amin' ny laoniny ny filazantsara, hangonina ny Isiraely, ary hamao tahaka ny raozy ny tany karankaina. Mirakitra faminiana momba ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna ny toko 29 (2 Ne. 27). Ny toko 40–46 dia milaza ny fahambonian' i Jehovah, ilay Andriamanitra marina, miohatra amin' ny andriamanitra sam-pin' ireo mpanompo sampy. Ny toko 47–66 ambiny dia mivaofy ireo toe-javatra amin' ny fampodiana amin' ny laoniny farany ny Isiraely sy ny fananganana an' i Ziona mbamin' ny fitoeran' ny Tompo eo anivon' ny olony.

ISAKA. *Jereo koa* Abrahama

Patriarika iray tao amin' ny Testamenta Taloha, Fahagagana ny niterahan' i Abrahama sy i Saraha azy tamin' ny fahanterany (Gen. 15:4–6; 17:15–21; 21:1–8). Ny finavian' i Abrahama hanatitra an' i Isaka ho sorona dia tandinon' ny fanateran' Andriamanitra ny Zanany Lahitokana ho sorona (Jkb. 4:5). Isaka no mpandova ny fampanantenan' ny fanekempihavanana natao tamin' i Abrahama (Gen. 21:9–12, 1 Ne. 17:40; F&F 27:10).

Teraka i Isaka, Gen. 21:1–7. Tokony hatoo sorona eo an-tendrombohitra Moria, Gen. 22:1–19; F&F 101:4). Nampakabady, Gen. 24. Nitsodrano ireo zanakalahiny, Gen. 27:1–28:9. Niara-nandray ny fisandratana tamin' i Abrahama sy i Jakoba, F&F 132:37 (Mat. 8:11).

ISAKARA. *Jereo koa* Isiraely;

Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Zanakalahin' i Jakoba sy i Lea ao amin' ny Testamenta Taloha (Gen.

30:17–18; 35:23; 46:13). Tonga ananki-ray tamin' ireo foko roa ambin' ny folo tamin' ny Isiraely ny taranany.

Ny fokon' i Isakara: Hita ao amin' ny Genesisy 49:14–15 ny tsodrano nataon' i Jakoba tamin' i Isakara. Rehefa niorim-ponenana teo Kanana ilay foko, dia nahazo ny ampahany lonaka indrindra amin' ny tanin' i Palestina izy ireo, anisan' izany ny lemaka Esidraelona. Atỳ anatin' ny sisin-tanin' i Isakara ireo toerana manan-danja maro teo amin' ny tantaran' ny Jiosy, ohatra: i Karmela, i Megido, i Dotana, i Gilboa, i Jezirela, i Tabara ary i Nazareta (Jos. 19:17–23).

ISAORANA. *Jereo* Fitahiana

ISIMAELA, ZANAKALAHIN' I

ABRAHAMA. *Jereo* *koa*
Abraham; Hagara

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny zanakalahin' i Abraham sy i Hagara, ilay Egyptiana mpanompovavin' i Saray (Gen. 16:11–16). Nampanantena an' i Abraham sy i Hagara ny Tompo fa ho tonga rain' ny firenena lehibe i Isimaela (Gen. 21:8–21).

Ny fanekempihavanana dia ho tanteraka amin' i Isaka fa tsy amin' i Isimaela, **Gen.** 17:19–21 (Gal. 4:22–5:1). Nitahy an' i Isimaela Andriamanitra ka hahamaro ny taranany, **Gen.** 17:20. Nanampy tamin' ny fandevenana an' i Abraham i Isimaela, **Gen.** 25:8–9. Nomena anarana ireo zanakalahin' i Isimaela roa ambin' ny folo, **Gen.** 25:12–16. Nodimandry i Isimaela, **Gen.** 25:17–18. Naka an' i Mahalota zanakavavin' i Isimaela ho vadiny i Isao, **Gen.** 28:9.

ISIRAELY. *Jereo* *koa* Abraham—
Taranak' i Abraham; Fananganan' Anaka; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Nomen' ny Tompo an' i Jakoba, zanakalahin' i Isaka ary zafikelin' i Abraham, ny anarana hoe Isiraely ao amin' ny Testamenta Taloha (Gen. 32:28; 35:10). Ny anarana hoe Isiraely dia mety

manondro an' i Jakoba, ny taranany na ny fanjakana nentin' ireo taranaka ireo fahiny tamin' ny fotoan' ny Testamenta Taloha (2 Sam. 1:24; 23:3). Taorian' ny nitondran' i Mosesy ny zanak' i Isiraely niala ny famatoran' ny Egyptiana (Eks. 3–14), dia mpitsara no nanapaka azy ireo nandritra ny telonjato taona mahery. Nanomboka tamin' i Saoly mpanjaka, dia ireo mpanjaka no nanapaka tamin' ny Isiraely iray tsy mivaky ambara-pahatongan' ny fahafatesan' i Solomona, fony ireo foko folo nikomy tamin' i Rehoboama mba hanangana firenena iray mahaleo tena. Rehefa nivaky ny fanjakan' ny Isiraely, ireo foko tao avaratra, noho izy ireo lehibehibe koa, dia nitana ny anarana hoe Isiraely fa ny fanjakana tatsimo kosa natao hoe Joda. Ny tany Kanana dia atao koa hoe Isiraely ankehitriny. Amin' ny heviny iray hafa ny hoe Isiraely dia midika ho mpino marina an' i Kristy (Rom. 10:1; 11:7; Gal. 6:16; Ef. 2:12).

Ireo foko roa ambin' ny folo amin' ny Isiraely: Jakoba, zafikelin' i Abraham, izay novana ho Isiraely ny anarany, dia nanana zanakalahy roa ambin' ny folo. Ny taranak' ireo dia nanjary fantatra tamin' ny hoe ny foko roa ambin' ny folo amin' ny Isiraely na ny zanak' i Isiraely. Izao avy ireo foko roa ambin' ny folo: Robena, Simeona, Levy, Joda, Isakara, ary Zebolona (zanakalahin' i Jakoba sy i Lea ireo); Dana sy Naftaly (zanakalahin' i Jakoba sy i Bila ireo); Gada sy Asera (zanakalahin' i Jakoba sy i Zilpa ireo); Josefa sy Benjamina (zanakalahin' i Jakoba sy Rahely) (Gen. 29:32–30:24; 35:16–18).

Nomen' i Jakoba tsodrano ny mpi-tondra ny foko tsirairay talohan' ny nahafatesany (Gen. 49:1–28). Ho fanampim-panazavana dia jereo tsirairay ny anaran' ny zanakalahin' i Jakoba.

Robena, ny lahimatoan' i Jakoba tamin' i Lea, vady voalohany, dia name-ry ny tsodranon' ny fizokiana mbamin' ny roa avo heny amin' ny anjara lova-ny noho ny fahalotoam-pitondrantena (Gen. 49:3–4). Dia nomena an' i Josefa,

ny lahimateoan' i Jakoba tamin' i Rahely, vady faharoany ny fizokiana (1 Tan. 5:1-2). Levy, izay efa nofidian' ny Tompo mba hanompo ho mpitantana ny fisoronany, dia tsy nahazo lova noho ny antsony manokana mba hanompo eo anivon' ny foko rehetra. Izany dia nahafahana nizara ny roa avo heny amin' ny anjaran' i Josefa ho Efraima sy i Manase (1 Tan. 5:1; Jer. 31:9), ireo zanakalahin' i Josefa, izay nisaina ho toy ny foko mahaleo tena amin' ny Isiraely (DJS, Gen. 48:5-6).

Ireo olona amin' ny fokon' i Joda no tokony ho mpanapaka ambaram-pahatongan' ny Mesia (Gen. 49:10; DJS, Gen. 50:24). Ny fokon' i Efraima dia manana ny tombontsoa hitondra ny hafatry ny filazantsara naverina ho amin' ny laoniny ho eo amin' izao tontolo izao mbamin' ny fanangonana ny Isiraely naely patrana amin' ny andro farany (Deot. 33:13-17). Ho avy ny fotoana izay hananan' i Efraima anjara fitarihana amin' ny fanakambanana ireo fokon' ny Isiraely rehetra amin' ny alalan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy (Isa. 11:12-13; F&F 133:26-34).

Ny fampielezana ny Isiraely: Nampielany sy nanafay ny foko roa ambin' ny folo amin' ny Isiraely ny Tompo noho ny tsy fahamarinany sy ny fikomiany. Na izany aza, dia nampiasain' ny Tompo koa izany fampielezana ny olom-boafidin' tany anivon' ireo firenena teo amin' izao tontolo izao izany hitahiana ireny firenena ireny.

Haeliko any amin' ny Jentilisa ianareo, **Lev.** 26:33. Haelin' ny Tompo any anivon' ny vahoaka rehetra ianao, **Deot.** 28:25, 37, 64. Hatolotro ho mpanjenjena any amin' ny fanjakana rehetra amin' ny tany izy, **Jer.** 29:18-19. Hosivaniko any amin' ny firenena rehetra ny mpianakavin' i Isiraely, **Amo.** 9:9 (Zak. 10:9). Nirahina ho amin' ny ondry very amin' ny mpianakavin' i Isiraely i Jesoa, **Mat.** 15:24. Manana ondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity aho, **Ja.** 10:16. Haely eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany ny

Isiraely, **1 Ne.** 22:3-8. Manazava ny fanoharan' i Zenosa momba ny hazo oliva voakolokolo sy ny hazo oliva dia i Jakôba, **Jkb.** 5-6. Hanomboka eo anivon' ireo foko naely ny asan' ny Ray, **3 Ne.** 21:26.

Ny fanangonana ny Isiraely: Ny mpianakavin' i Isiraely dia hiara-hangonina amin' ny andro farany mialohan' ny fiavian' i Kristy (Fp. 1:10). Manangona ny Isiraely olony ny Tompo rehefa manaiky Azy izy ary mitandrana ny didiny.

Hanangana faneva Izy dia ho avy ireo, **Isa.** 5:26. Amin' ny famindram-po lehibe no hanangonako anao, **Isa.** 54:7. Hangonina ho eo amin' ny taniny i Isiraely sy i Joda, **Jer.** 30:3. Hanangona ny mpianakavin' i Isiraely avy any amin' ny firenena izay efa nampielezana azy ny Tompo, **Ezek.** 28:25. Amin' ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana, Izy no hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin' i Kristy, **Ef.** 1:10. Rehefa naely ny Isiraely dia hangonina, **1 Ne.** 15:12-17. Hanangona ny olona rehetra avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely ny Tompo, **1 Ne.** 19:16 (3 Ne. 16:5). Hoentina hiala avy ao amin' ny haizina izy ireo ary hahafantatra fa ny Tompo no Mpanonjy azy, **1 Ne.** 22:12. Manangona sy manisa ny zanany Andriamanitra, **1 Ne.** 22:25. Ireo firenen' ny Jentilisa no hitondra ny Isiraely ho any amin' ny tany lovan' y, **2 Ne.** 10:8 (3 Ne. 16:4). Ny vahoakako sy ny teniko dia hangonina ho iray, **2 Ne.** 29:13-14. Antsoina ny loholona hanangona ny olomboafidiko, **F&F** 29:7 (F&F 39:11). Hanangona ny olomboafidiko Aho, **F&F** 33:6. Miangona mba hahazoako manome anareo ny lalako sy mba hahazoako manome anareo ny fafiana masina, **F&F** 38:31-33. Hanavotra ny oloko, izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely Aho, **F&F** 39:11. Hivoaka ireo olomasina, **F&F** 45:46. Natolotr' i Mosesy ireo fanalahidin' ny fanangonana, **F&F** 110:11. Hanafotra ny tany ny fahamarinana sy ny marina ary hanangona ny olomboafidin' ny Tompo, **Mos.** 7:62.

Ny fanangonana dia ampitahaina amin' ny fitangoronan' ny voromahe-ry eo amin' ny fatim-biby, **JS—M** 1:27.

Ireo foko folo very amin' ny Isiraely: Ny foko folo amin' ny Isiraely no nanangana ny fanjakan' i Isiraely sy lasan-ko babo tany Asiria tamin' ny 721 talohan' i j.k. Nandeha nankany amin' ireo "Tany Avaratra" izy ireo ka nanjary very tsy fantatry ny hafa. Hiverina izy ireo amin' ny andro farany.

Hilaza amin' ny avaratra Aho hoe: Afoizo, **Isa.** 43:6. Ho tonga avy any avaratra ireto, **Isa.** 49:12 (1 Ne. 21:12). Hiara-hivoaka avy any amin' ny tany avaratra i Joda sy i Isiraely, **Jer.** 3:18. Velona ny Tompo izay nitondra ny zanak' i Isiraely avy tany amin' ny tany avaratra, **Jer.** 16:14–16. Hitondra azy avy amin' ny tany avaratra Aho, **Jer.** 31:8. Hanana ny tenin' ireo foko very amin' i Isiraely ny Nefita sy ny Jiosy, **2 Ne.** 29:12–13. Handeha haneho ny tenako amin' ireo foko very amin' i Isiraely Aho, **3 Ne.** 17:4. Rehefa hotoriana amin' ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely ny filazan-tsara, dia hangonina hody eo amin' ny tany lovary ireo foko very, **3 Ne.** 21:26–29. Nomen' i Mosesy an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny fanalahidin' ny fanangonana ny Isiraely, **F&F** 110:11. Ireo izay any amin' ny tany avaratra dia hotsaroana eo anoloan' ny Tompo **F&F** 133:26–32. Mino ny fanangonana ara-bakiteny ny Isiraely isika, **Fp** 1:10.

ISMAELA, RAFOZANDAHIN'

I NEFIA. *Jereo koa* Lehia, Rain' i Nefia

Lehilahy iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay mitambatra tamin' ny ankohonan' i Lehia izy sy ny ankohonany tamin' ny diany nankany amin' ny tany nampanantenaina.

Niverina tao Jerosalema i Nefia sy ny rahalahiny ka nandresy lahatra an' i Ismaela sy ny ankohonany hiaraka amin' i Lehia sy ny ankohonany ho any amin' ny tany nampanantenaina, **1 Ne.**

7:2–5. Nifampaka-bady ireo ankohonana roa, **1 Ne.** 16:7. Nodimandry tany an-tany foana i Ismaela, **1 Ne.** 16:34.

ISOLOANA TENA. *Jereo* Famonjena ho an' ny Maty; Ôrdônansy—Ôrdônansy Isoloana Tena

IZAO TONTOLO IZAO. *Jereo koa* Babela, Babylona; Mety Maty; Tany

Ny tany, toerana fizahan-toetra ho an' ny olona mety maty. Amin' ny heviny nitarina: ireo olona izay tsy mankatò ny didin' Andriamanitra.

Fiainana an-tany: Eto amin' izao tontolo izao no hahitanareo fahoriana, **Jao.** 16:33. Aza matahotra na dia ny ho faty aza; fa eo amin' izao tontolo izao dia tsy feno ny fifalianareo, **F&F** 101:36.

Ny olona izay tsy mankatò ny didin' Andriamanitra: Izaho hanafay izao tontolo izao noho ny faharatsiany, **Isa.** 13:11 (2 Ne. 23:11). Raha halan' izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa izaho efa halany talohanareo, **Jao.** 15:18–19. Io trano lehibe sy malalaka io no fieboeboan' izao tontolo izao, **1 Ne.** 11:36. Masaka amin' ny faharatsiana izao tontolo izao, **F&F** 18:6. Arovy ny tenanao tsy ho voapentimpetin' izao tontolo izao, **F&F** 59:9. Izay mahatoky sy maharitra no handresy izao tontolo izao, **F&F** 63:47. Tsy hai-na araka ny fomban' izao tontolo izao ianareo, **F&F** 95:13.

Faran' Izao Tontolo Izao: Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka dia tsy ho tsarovana intsony ny taloha, **Isa.** 65:17 (Fan. 21:1; Fp. 1:10). Ny tsimparifary dia hangonina ary hodorana amin' ny afo, amin' ny fahataperan' izao tontolo izao, **Mat.** 13:40, 49 (Mal. 4:1; Jkb. 6:3). Hasaiko dorana amin' ny afo ny tanimbolika, **Jkb.** 5:77 (F&F 64:23–24). Horavan' ny Tompo i Satana sy ny asany amin' ny fiasaran' izao tontolo izao, **F&F** 19:3. Ho faty ny tany, saingy hovelomina indray, **F&F** 88:25–26. Nasehon' ny Tompo an' i Enoka ny fiasaran' izao tontolo izao, **Mos.** 7:67.

IZY AHO. *Jereo koa* Jehovah; Jesoa Kristy

Anankiray amin' ireo anaran' i Jesoa Kristy Tompo.

Hoy Andriamanitra tamin' i Mosesy IZAHO IZAY IZY, **Eks.** 3:14–15. Izaho no Tompo, **Eks.** 6:2–3. Fony tsy mbola ary i Abrahama dia Izy Aho. **Jao.** 8:56–59. Henoy ny feon' i Jesoa Kristy, ilay Izy Aho, Lehibe, **F&F** 29:1 (**F&F** 38:1; 39:1).

JACKSON, FIVONDRONAN' I, MISSOURI (ETAZONIA). *Jereo koa* Jerosalema Vaovao

Ny toerana hiangonan' ny Olomasina amin' ny Andro Farany; izany hoe, ny ivon' ny toerana izay hananganany an' i Jerosalema Vaovao (**F&F** 57–58; 82; 101:69–71; 105:28).

JAFETA. *Jereo koa* Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly

Ny lahimatoan' i Noa, mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha (Mos. 8:12).

Noa niteraka an' i Jafeta, **Gen.** 5:32 (**Gen.** 6:10; Mos. 8:12). Niditra ny sambofiaran' i Noa i Jefeta sy ny vadiny, **Gen.** 7:13. Nivoaka ny sambofiara i Jafeta, **Gen.** 9:18. Hampitomboan' Andriamanitra i Jafeta, **Gen.** 9:27.

JAKOBA, RAHALAHIN' NY TOMPO

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, rahalahin' ny Tompo (**Gal.** 1:19) sady rahalahin' i Josesy, i Simona, i Jodasy ary manana anabavy vitsivitsy (**Mat.** 13:55–56; **Mar.** 6:3; **Joda** 1:1). Izy dia fantatra koa amin' ny hoe Jakoba ilay marina ary nitana toerana ambony tao amin' ny Fiangonana tao Jerosalema (**Asa** 12:17; 15:13; 1 **Kor.** 15:7; **Gal.** 2:9–12). Inoana fa izy no mety nanoratra ny epistilin' i Jakoba.

Ny epistilin' i Jakoba: boky iray ao amin' ny Testamenta Vaovao. Taratasy navantana tamin' ny foko roa ambin' ny folo amin' ny Israely izay naely patrana

izany tany am-piandohana ary angamba nosoratana avy tao Jerosalema. Ny epistily dia mirakitra an' ireo lafiny vitsivitsy voalaza mazava tsara momba ny fampiharana ny fivavahana, anisan' izany ilay torohevitra mafonja ao amin' ny toko1, fa raha misy olona tsy manam-pahendrena dia tokony hangataka ny fanampian' Andriamanitra izy. (**Jak.** 1:5–6; **JS—T** 1:9–20). Ny toko 2 dia milazalaza ny amin' ny finoana sy ny asa. Ny toko 3–4 dia milaza ny amin' ny tokony hifehezana ny lela ary fananarana ny Olomasina tsy hifanaratsy. Ny toko 5 dia mandrisika ny Olomasina hanam-paharetana ary hiantso ny loholona hanome tsodrano rehefa marary; Izany koa dia mampianatra ny amin' ny tsodrano hoentimanova ny fon' ny hafa.

JAKOBA, ZANAKALAHIN' I ALFEO

Anankiray tamin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo nofidin' i Jesoa nandritra ny asa fanompoany teto amin' ny toetry ny mety maty (**Mat.** 10:3; **Mar.** 3:18; **Lio.** 6:15; **Asa** 1:13).

JAKOBA, ZANAKALAHIN' I ISAKA. *Jereo koa* Esao; Isaka; Israely

Patriarika sady mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha; ny zandriny tamin' ireo roa lahy kambana zanak' i Isaka sy i Rebeka (**Gen.** 25:19–26). Azon' i Jakoba ny fizokiana tokony ho an' i Esao rahalahiny. Izany dia noho ny fahamendrehan' i Jakoba sy ny nanambadiany tao anatin' ny fanekempihavanana raha i Esao kosa nanamavo ny fizokiana ary nanambady tany ivelan' ny fanekempihavanana (**Gen.** 25:30–34; 26:34–35; 27; 28:6–9; **Heb.** 12:16).

Fantatr' i Rebeka tamin' ny Tompo fa hanompo an' i Jakoba i Esao, **Gen.** 25:23. Nividy ny fizokiana tamin' i Esao, **Gen.** 25:29–34. Nanonofy nahita tohatra niakatra any an-danitra, **Gen.** 28. Nampiakatra an' i Lea sy i Rahely

ho vadiny. **Gen.** 29:1–30. Niteraka zalahy roa ambin' ny folo sy zazavavy iray, **Gen.** 29:31–30:24; 35:16–20. Nam-pakatra an' i Bila sy i Zilpa ho vadiny, **Gen.** 30:3–4, 9. Novana ho Isiraely ny anarany, **Gen.** 32:28. Nahita an' Andriamanitra nifanatrika, **Gen.** 32:30. Nankamamy an' i Josefa mihoatra noho ny rehetra, **Gen.** 37:3. Nandeha nankany Egypta niaraka tamin' ny an-kohonany, **Gen.** 46:1–7. Nitsodrano ny zanakalahiny sy ny taranany, **Gen.** 49. Nodimandry, **Gen.** 49:33. Nitandrina ny didy ary voasandratra ho eo amin' ny sezafiandrianana any an-danitra ankehitriny miaraka amin' i Abrahama sy i Isaka, **F&F** 132:37.

JAKÔBA, ZANAKALAHIN' I

LEHIA. *Jereo koa* Lehia, Rain' i Nefia

Mpaminany iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ary mpanoratra ireo toriteny maro ao amin' ny boky 2 Nefia sy Jakôba (2 Ne. 6–11; Jkb. 1–7).

Ny bokin' i Jakôba: Ny boky fahatelo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Ny toko 1 dia milaza fa nanolotra an' i Jakôba ny rakitsoratra i Nefia ary nanokana an' i Jakôba sy i Josefa rahalahiny ho mpi-sorona sy mpampianatra ny vahoaka. Toko 2–4 dia toriteny mananatra ny olona hanana fitondrantena mendrika. Nampianatra ny amin' ny fiavian' ny Mesia Mpanavotra i Jakôba ary nanome ny antony tsy haneken' ny Isiraely sasany Azy amin' ny fiaviany. Toko 5–6 dia mirakitra ny tenivavolombelon' i Jakôba sy ny fanoharana miendrika faminaniana momba ny tantara sy ny asa anirahana ny vahoakan' i Isiraely. Ny toko 7 dia mirakitra ny tantaran' ilay mpikomy mahay atao hoe Serema izay resin' ny tenivavolombelona avy amin' Andriamanitra nataon' i Jakôba.

JAKOBA, ZANAKALAHIN' I ZEBEDIO

Anankiray tamin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo nofidin' i Jesoa nandri-

tra ny asa fanompoany teto amin' ny toetry ny mety maty. Rahalahin' i Jaona izy. Anankiray tamin' ireo Apostoly telo voafidy hiaraka tamin' i Jesoa tamin' ny vanim-potoana manokana sasantsasany izy: tamin' ny fananganana ny zanakavavin' i Jairo tamin' ny maty (Mar. 5:37), tamin' ny fiovana-tarehy (Mat. 17:1; Mar. 9:2; Lio. 9:28). ary tao Getsemane (Mat. 26:37; Mar. 14:33). Namerina ny Fisoronana Melkizedeka teto an-tany niaraka tamin' i Petera sy i Jaona tamin' ny fanokanana an' i Joseph Smith (**F&F** 27:12; 128:20; JS—T 1:72).

JAONA MPANAO BATISA. *Jereo*

koa Elià; Fisoronana Aharôna

Zanakalahin' i Zakaria sy i Elizabeta, ao amin' ny Testamenta Vaovao. Nirahina i Jaona hanomana ny olona handray ny Mesia (Jao. 1:19–27). Nihazona ny fanalahidin' ny Fisoronana Aharôna izy ary nanao batisa an' i Jesoa Kristy.

Naminany ny amin' ny asa anirahana an' i Jaona i Isaia sy ireo hafa, **Isa.** 40:3 (Mal. 3:1; 1 Ne. 10:7–10; 2 Ne. 31:4). Naiditra an-tranomaizina ary notapahin-doha, **Mat.** 14:3–12 (Mar. 6:17–29). Nanambara ny fahaterahan' i Jaona sy ny asa fanompoany tamin' i Zakaria i Gabriela, **Lio.** 1:5–25. Nampianatra i Jesoa fa mpaminany lehibe i Jaona Mpanao Batisa, **Lio.** 7:24–28. Nahafantatra an' i Jesoa ho ilay Zanak' Andriamanitra, **Jao.** 1:29–34. Nanjary mpianatr' i Jesoa ireo mpianatr' i Jaona, **Jao.** 1:25–29; 35–42 (Asa 1:21–22). Tsy nanao fahagagana, **Jao.** 10:41. Olona efa natsangana tamin' ny maty Izy raha nirahina hanokana an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ho amin' ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 13 (**F&F** 27:7–8; JS—T 1:68–72). Natokan' ny anjely fony izy vao feno valo andro, **F&F** 84:28.

JAONA, ZANAKALAHIN' I

ZEBEDIO. *Jereo koa* Apostoly;

Fanambaran' i Jaona;

Filazantsara; Fisoronana

Melkizedeka; Olona Novana

Anankiray tamin' ireo Apostoly Roa

ambin' ny folo ao amin' ny Testamanta Vaovao, zanakalahin' i Zebedio ary rahalahin' i Jakoba. Tany am-boalohany dia mpanarato izy (Mar. 1:17–20). Izy angamba ilay mpianatr' i Jaona Mpanao Batisa tsy voalaza anarana saingy tondroina ao amin' ny Jaona 1:40. Tatỳ aoriana dia nandray ny antso ho mpianatr' i Jesoa Kristy izy (Mat. 4:21–22; Lio. 5:1–11). Izy dia nanoratra ny Filazantsaran' i Jaona, ireo epistily telo ary ny bokin' ny Fanambarana. Izy dia anankiray tamin' ireo telo izay niaraka tamin' ny Tompo tamin' ny fananganana ny zanakavavin' i Jairo tamin' ny maty (Mar. 5:35–42), teo an-Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy (Mat. 17:1–9), ary tao Getsemane (Mat. 26:36–46). Ao amin' ny asa sorany izy dia manondro ny tenany ho ilay mpianatra izay tian' i Jesoa (Jao. 13:23; 21:20) sy ilay “mpianatra anankiray” (Jao. 20:2–8). Jesoa dia niantso azy koa mbamin' i Boanerjesy rahalahiny hoe: “zana-baratra” (Mar. 3:17). Misy filazana matetika ny momba azy ao amin' ny fitantarana ny fanomboana sy ny fitsanganan' ny Tompo tamin' ny maty (Lio. 22:8; Jao. 18:15; 19:26–27; 20:2–8; 21:1–2). Natao sesi-tany tao Patmo i Jaona tatỳ aoriana, ka tao izy no nanoratra ny bokin' ny Fanambarana (Fan. 1:9).

Voalaza matetika ao amin' ny fanambaran' ny andro farany i Jaona (1 Ne. 14:18–27; 3 Ne. 28:6; Ete. 4:16; F&F 7; 27:12; 61:14; 77; 88:141). Ireo andininy ireo dia manamafy ny tantaran' ny baiboly momba an' i Jaona ary koa ahazoana sary an-tsaina ny amin' ny halehibe sy ny lanjan' ny asa efa nomen' ny Tompo azy hataony eto an-tany, amin' ny fotoan' ny Testamanta Vaovao sy amin' ny andro farany. Manazava ny soratra masin' ny andro farany fa tsy nodimandry i Jaona fa navela kosa hitoetra eto an-tany ho mpanompo amin' ny asa fanompoana ambarapahatongan' ny fotoan' ny fiavian' ny Tompo fanindroany (Jao. 21:20–23; 3 Ne. 28:6–7; F&F 7).

Ireo epistilin' i Jaona: Na tsy mitonona

anarana aza ny mpanoratra an' ireo epistily telo ireo, dia mitovy fatratra tokoa amin' ny an' i Jaona ny fomba fiteny hany ka heverina fa izy no nanoratra azy telo.

Ny 1 Jaona 1 dia mananatra ny Olomasina hanana fifandraisana amin' ny Tompo. Ny toko 2 dia manantitra fa mahafantatra an' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fankatoavana ny Olomasina ka mampianatra azy ireo tsy ho tia an' izao tontolo izao. Ny toko 3 dia miantso ny rehetra ho tonga zanak' Andriamanitra sy hifankatia. Manazava ny toko 4 fa Andriamanitra dia fitiavana ary mitoetra ao amin' ireo izay tia Azy. Ny toko 5 dia manazava fa aterak' Andriamanitra amin' ny alalan' ny finoana an' i Kristy ny Olomasina.

Ny 2 Jaona dia mitovy amin' ny 1 Jaona. Mifaly amin' izany i Jaona noho ny fahatokian' ireo zanak' “ilay vehivavy voafidy”.

Ny Jaona 3 dia midera an' ilay olona atao hoe Gaio noho ny fahatokiany sy ny fanampiany an' ireo izay tia ny fahamarinana.

Ny Filazantsaran' i Jaona: Ao amin' ity bokin' ny Testamanta Vaovao ity no nanambaran' i Jaona ilay Apostoly fa (1) i Jesoa no Kristy na ny Mesia, fa (2) i Jesoa no Zanak' Andriamanitra (Jao. 20:31). Ireo zava-nitranga teo amin' ny fiainan' i Jesoa, izay tantarainy, dia nofantanana fatratra ary narindra mba hibanjina izany tarigetra izany. Ny boky dia manomboka amin' ny filazana ny amin' ny toetran' i Kristy talohan' ny fisiany teto amin' ny mety maty: Izy dia niaraka tamin' Andriamanitra, Izy dia Andriamanitra, ary mpahary ny zava-drehetra. Nateraka ho Zanaka Lahitokan' ny Ray tao amin' ny nofo Izy. Manjohy ny fizotry ny asa fanompoan' i Jesoa i Jaona sady manantitrantitra fatratra ny maha-Andriamanitra Azy sy ny fitsangana ny tamin' ny maty. Lazainy mazava tsara fa i Jesoa no Zanak' Andriamanitra, porofoin' ireo fahagagana, vavolombelona, mpaminany ary ny feon'

i Kristy mihitsy. Mampianatra i Jaona amin' ny fampifanoherana ny hazavana sy ny haizina, ny marina sy ny diso, ny tsara sy ny ratsy ary Andriamanitra sy ny devoly. Tsy misy any amin' ny rakitsoratra hafa angamba filazana an-karihy toy izany ny fahamasinan' i Jesoa sy ny tsy finoana teo amin' ny mpanapaka Jiosy.

Nanoratra indrindra ny amin' ny asa fanompoan' i Kristy tao Jodia i Jaona, indrindra fa ny amin' ny herinandro farany tamin' ny asa fanompoany teto amin' ny toetry ny mety maty, raha i Matio, i Marka ary i Lioka kosa nanoratra indrindra ny amin' ny asa fanompoany tany Galilia. Lafiny maro tamin' ny Filazantsarany no efa nihazavain' ny fanambaran' ny andro farany (F&F 7 sy F&F 88:138–141).

Ny amin' ny indray mitopy maso isaky ny toko, jereo *Filazantsara*.

Ny bokin' ny Apôkalypsy: Jereo Fanambaran' i Jaona.

JARÈDA. *Jereo koa Jarèda, Rahalahin' i; Jarèdita*

Mpitarika iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay niara-nitarika tamin' ny rahalahiny andian' olona avy tany amin' ny Tilikambon' i Babela ho any amin' ny tany nampanantenaina, any amin' ny ilam-bolantany andrefana (Ete. 1:33–2:1).

Nangataka ny rahalahiny i Jarèda hivavaka mba tsy hanorokoroan' ny Tompo ny fitenin' ny ankohonany sy ny namany, **Ete.** 1:34–37. Nanorimponenana teo amoron-dranomasina nandritra ny efa-taona, **Ete.** 2:13. Niondrana an-tsambo nankamin' ny tany nampanantenaina, **Ete.** 6:4–12.

JARÈDA, RAHALAHIN' I. *Jereo koa Jarèda; Jarèdita*

Mpitondra iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Izy sy ny rahalahiny no nanangana ny firenena Jarèdita fony izy ireo nitarika andian' olona avy tany amin' ny Tilikambon' i Babela hankamin' ny tany nampanantenaina,

any amin' ny ilam-bolantany andrefana (Ete. 1–6). Lehilahin' ny finoana fatratra tokoa izy ka niresaka tamin' Andriamanitra nifanatrika (F&F 17:1). Voarakitra ao amin' ny bokin' i Etera ny tantaran'ny.

Ny rahalahin' i Jarèda dia lehilahy vaventy sy mahery sady nankasitrahany ny Tompo fatratra tokoa, **Ete.** 1:34. Noho ny finoana dia nahita ny rantsantanan' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, **Ete.** 3:6–9 (Ete. 12:20). Nasehon' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda ny tenam-panahiny, **Ete.** 3:13–20. Tsy misy na oviana na oviana zavatra lehibe kokoa naseho noho ireo izay naseho ny rahalahin' i Jarèda, **Ete.** 4:4. Nampitandrina ny vahoakany amin' ny fitondran' ny mpanjaka ny rahalahin' i Jarèda, **Ete.** 6:22–23. Nasehon' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda ny zava-drehetra, **Ete.** 12:21. Nahery tamin' ny fanoratana ny rahalahin' i Jarèda, **Ete.** 12:24. Tamin' ny alalan' ny finoana no namindran' ny rahalahin' i Jarèda ny tendrombohitra Zerina, **Ete.** 12:30.

JARÈDITA. *Jereo koa Bokin' i Môrmôna; Jarèda; Jarèda, Rahalahin' i*

Olona ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay tamingan' i Jarèda sy ny rahalahiny ary ny namany (Ete. 1:33–41). Notarihin' ny Andriamanitra avy tany amin' ny Tilikambon' i Babela izy ireo hankany Amerika, ilay tany nampanantenaina (Ete. 1:42–43; 2–3; 6:1–18). Na nahatratra an-tapitrisany aza ny isan' ny vahoaka, indray maka dia fongana avokoa izy ireo noho ny ady an-trano nentin' ny faharatsiana (Ete. 14–15).

JARÔMA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zana-kalahin' i Enôsa ary zafiafin' i Leahia. Nitana ny rakitsoratra ny Nefita nandritra ny enimpolo taona izy, ny 420–361 talohan' i j.k. (Enô. 1:25; Jar. 1:13). Izy dia lehilahy nahatoky izay nifidy

ny tsy hanoratra betsaka ao amin' ny lafiny tantara amin' ny rakitsoratra (Jar. 1:2).

Ny bokin' i Jarôma: Tsy misy afa-tsy andininy dimy ambin' ny folo ity boky ity ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nitantara i Jarôma fa nanohy niaina araka ny lalàn' i Mosesy ny Nefita ary niandraandra ny fiavian' i Kristy. Izy ireo dia nentin' ny mpanjaka izay lehilahy nahery tamin' ny finoana. Niroborobo izy ireo rehefa nihaino ny mpaminaniny sy ny mpisorony ary ny mpampianatra azy.

JEHOVAH. *Jereo koa* IZY AHO;

Jesoa Kristy

Ny anarana amin' ny fanekempihavanana sady anaran-tsamirerin' ny Andriamanitry ny Isiraely. Izany dia midika hoe “ilay IZY AHO mandrakizay” (Eks. 3:14; Jao. 8:58). Jehovah no Jesoa Kristy, talohan' ny fiainana teto amin' ny mety maty, izay tonga teto an-tany ho zanak' i Maria (Môsîà 3:8; 15:1; 3 Ne. 15:1–5). Mazàna isaky ny ampiasaina ny teny hoe *Tompo* ao amin' ny Testamenta Taloha, dia Jehovah no heviny.

Jehovah no Kristy: Fantatr' ireo mpaminany fahiny i Jehovah (Eks. 6:3; Abr. 1:16). Nampianatra i Paoly Apostoly fa i Kristy no Jehovah ao amin' ny Testamenta Taloha (Eks. 17:6; 1 Kor. 10:1–4). Ny rahalahin' i Jarêda ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia nahita an' i Kristy talohan' ny nahatongavany teto amin' ny toetry ny mety maty ka nidera Azy (Ete. 3:13–15). Môrônia dia niantso koa an' i Kristy hoe Jehovah (Môrô. 10:34). Nahita an' ilay Jehovah efa tafatsangana tamin' ny maty i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin' ny Tempolin' i Kirtland (F&F 110:3–4).

JENTILISA

Ny hoe *Jentilisa*, araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina, dia manana heviny maro. Manondro ny olona tsy Isiraelita firazanana izany indraindray, ny olona tsy Jiosy firaza-

nana indraindray, ny firenena izay tsy manana filazantsara indraindray, na dia mety hisy ra Isiraelita ihany aza any anivon' ny vahoaka. Ity fampiasana farany ity no anavahana manokana ny teny araka ny ampiasana azy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ny Fitopampianarana sy Fanekempihavanana.

Ny Isiraelita dia tsy tokony hanambady olona tsy Isiraelita (Jentilisa), **Deot.** 7:1–3. Ny Tompo dia ho tonga fahazavan' ny Jentilisa, **Isa.** 42:6. Nodidina i Petera hitondra ny filazantsara any amin' ny Jentilisa, **Asa** 10:9–48. Nomen' Andriamanitra ny Jentilisa koa ny fibebahana, **Asa** 11:18. Atao batisa ho amin' ny fiangonana iray isika, na Jiosy na Jentilisa, **1 Kor.** 12:13. Ny Jentilisa dia tokony ho mpiray lova ao amin' i Kristy, amin' ny alalan' ny filazantsara, **Ef.** 3:6. Ny Bokin' i Môrmôna dia nosoratana ho an' ny Jentilisa, pejina-dohateny ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, (Môr. 3:17). Olona iray teo anivon' ny Jentilisa no nandeha tambonin' ireo rano, **1 Ne.** 13:12. Nivoaka avy tamin' ny Jentilisa ireo boky hafa, **1 Ne.** 13:39. Ho tonga any amin' ny Jentilisa ny fahafenoan' ny filazantsara, **1 Ne.** 15:13 (3 Ne. 16:7; F&F 20:9). Ity tany ity dia ho tanin' ny fahafahana ho an' ny Jentilisa, **2 Ne.** 10:11. Ny Jentilisa dia mitovy amin' ny hazo oliva dia, **Jkb.** 5. Hivoaka amin' ny fotoan' ny Jentilisa ny filazantsara, **F&F** 45:28 (F&F 19:27). Ny teny dia handeha hatrany amparan' ny tany, voalohany any amin' ny Jentilisa, ary rehefa izany dia any amin' ny Jiosy, **F&F** 90:8–10. Ny Fitopololaha dia ho vavolombelona manokana amin' ny Jentilisa, **F&F** 107:25. Iraho ireo loholon' ny fiangonako hiantso ny firenena rehetra, voalohany dia ny Jentilisa, ary rehefa izany dia ny Jiosy, **F&F** 133:8.

JEREMIA. *Jereo koa* Fitomaniana

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha, izay teraka tao amin' ny fianakaviana mpisorona ka naminany tao Joda hatramin' ny 626–586 talohan' i J.K. Ny

fotoana niainany dia saika akaikin' ny fotoana niainan' ireo mpaminany lehibe hafa, toa an-dry: Lehia, Ezekiel, Hosea, ary i Daniela.

Natokana ho mpaminany tany amin' ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany i Jeremia (Jer. 1:4-5). Nandritra ny efa-polo taona teo ho eo naha-mpaminany azy, dia nampianatra izy ny hanoherana ny fanompoan-tsampy sy ny fitondran-tena maloto teo anivon' ny vahoaka Jiosy (Jer. 3:1-5; 7:8-10). Tsy maintsy niatrika fanoherana sy fanaratsiana lalandava izy (Jer. 20:2; 36:18-19; 38:4). Taorian' ny fianjeran' i Jerosalema, ireo Jiosy izay afa-nitsoaka nankany Egipta, dia nitondra an' i Jeremia niaraka taminy (Jer. 43:5-6), ka tany izy, araka ny lovan-tsofina, no notorahany vato ho faty.

Ny bokin' i Jeremia: Ny toko 1-6 dia mirakitra an' ireo faminaniana nomena nandritra ny fitondran' i Josia. Toko 7-20 dia faminaniana nandritra ny fotoan' i Joiakima. Toko 21-38 dia milazalaza ny amin' ny fitondran' i Zedekia. Toko 39-44 dia mirakitra faminaniana ary milazalaza an' ireto toe-javatra manan-tantara taorian' ny fianjeran' i Jerosalema. Toko 45 dia mirakitra fampanantenana ho an' i Baroka mpitant-soratr' i Jeremia fa hotsimbina ny ainy. Farany, ny toko 46-51 dia faminaniana miampanga ireo firenena vahiny. Ny toko 52 dia fehin-teny manan-tantara. Ny sasany amin' ny faminanian' i Jeremia dia voarakitra teo amin' ny takela-barahin' i Labana, izay noteririzin' i Nefia (1 Ne. 5:10-13). Voalaza indroa koa ao amin' ny Bokin' i Môrmôna i Jeremia (1 Ne. 7:14; Hel. 8:20).

Hita ao amin' ny bokin' i Jeremia koa ny filazana ny amin' ny fisian' ny olona talohan' ny fahatongavany teto amin' ny fiainana mety maty sy ny fanokanana mialoha an' i Jeremia (Jer. 1:4-5); ny faminaniana momba ny fodian' ny Isiraely avy any amin' ny fielezany; ny fakana olona iray isan-tanàna sy roa isam-pokony ho any Ziona, tany mahafinaritra izay hahafahan' i Isiraely sy i Joda mitoetra ao amin' ny fandriampar-

halemana sy ny fiadanana (Jer. 3:12-19); ary faminaniana iray momba ny fanangonana ny Isiraely avy any amin' ny tany avaratra amin' ny fanirahana "mpamovo" maro sy "mpihaza" mba hahita azy ireny (Jer. 16:14-21). Ity toe-javatra ny andro farany ity dia hanana akony lehibe kokoa noho ny nitondran' i Mosesy ny Isiraely nivoaka an' i Egipta (Jer. 16:13-15; 23:8).

JERIKO

Tanàna mimanda tao amin' ny lohasahan' i Jordana, 245 metatra ambanin' ny vohon-dranomasina. Jeriko dia eo akaikin' ny toerana izay nitan' ny Isiraelyta ny renirano fony izy ireo niditra voalohany ny tany nampanantenaina (Jos. 2:1-3; 3:16; 6).

Namaky ady ny Isiraelyta tao Jeriko, **Jos.** 6:1-20. Nilaza ozona tamin' i Jeriko i Josoa, **Jos.** 6:26. (1 Mpan. 16:34). Jeriko dia tao anatin' ny faritany notendrena ho an' i Benjamina, **Jos.** 18:11-12, 21. Nitsidika an' i Jeriko ny Tompo tamin' ny diany farany ho any Jerosalema, **Mar.** 10:46 (Lio. 18:35; 19:1).

JEROBABELA. *Jereo koa* Gideona (Testamenta Taloha)

Anarana nomena an' i Gideona, ao amin' ny Testamenta Taloha, taorian' ny nandravany ny alitaran' i Bala (Mpits. 6:32; 7:1; 9; 1 Sam. 12:11).

JEROBOAMA

Jeroboama, ao amin' ny Testamenta Taloha, no mpanjaka voalohan' ny ampahany avaratra amin' ny faritanin' ny Isiraely nisara-bazana. Olona avy amin' ny fokon' i Efraïma izy. Nitarika fikomiana tamin' ny taranak' i Joda sy ny mpianakavin' i Davida ilay Jeroboama mamohelahatra.

Nanangana sampy hotompoin' ny olona tao Dana sy Betela i Jeroboama, **1 Mpan.** 12:28-29. Nandevilevy an' i Jeroboama i Ahia, **1 Mpan.** 14:6-16. Jeroboama dia tompon' andraikitra tamin' ny nampitondrainy ny Isiraely ota mahatsiravina, **1 Mpan.** 15:34 (1 Mpan. 12:30).

JEROSALEMA

Tanàna iray miorina any Isiraely ankehitriny. Izany no tanàna manan-danja indrindra tamin' ny tantaran' ny Babiloby. Eo amin' izany tanàna izany ny sasantsasany amin' ireo toerana masina indrindra ho an' ny Kristiana, ny Jiosy ary ny Silamo, ary tsidihin' ireo mpino mahatoky maro tsy tapaka. Mazàna dia tondroina amin' ny hoe ny tanàna masina izany.

Jerosalema, izay fantatra taloha tamin' ny hoe Salema (Gen. 14:18; Sal. 76:2), dia tanànan' ny Jebosita ambara-pahatongan' ny tanàna ho azon' i Davida (Jos. 10:1; 15:8; 2 Sam. 5:6-7), izay nanao azy ho renivohiny. Talohan' izany dia saika toy ny toerana mian-da no mampiasa azy, ka sahabo ho 800 metatra ambonin' ny vohondranomasina izy. Voahodidin' ny lohasaha latina ny lafiny rehetra afa-tsy ny avaratra.

Nandritra ny fitondran' i Davida Mpanjaka tao Jerosalema, dia lapa hazo no nonenany. Nandritra ny fitondran' i Solomona anefa, dia nanao zavatra maro ny vahoaka hanatsarana ny tanàna, anisan' izany ny fananganana ny lapan' ny mpanjaka sy ny tempoly.

Rehefa nisaraka ny fanjakan' i Isiraely sy i Joda, dia nijanona ho renivohitr' i Joda i Jerosalema. Notafihan' ny miamila matetika izy (1 Mpan. 14:25; 2 Mpan. 14:13; 16:5; 18-19; 24:10; 25). Nanjary ivon' ny fivavahana ho fiderana i Jerosalema tamin' ny andron' i Hezekia saingy rava ny ampahany taminy ny 320, ny 168 ary ny 65 talohan' i J.K. Natsangan' i Heroda indray ny manda sy ny tempoly, saingy tamin' ny 70 taorian' i J.K., dia noravan' ny Romana tanteraka izany.

Melkizedeka dia mpanjakan' i Salema, Gen. 14:18 (Heb. 7:2). Niantso an' i Jerosalema hitafy ny fitafiany tsara tarehy i Isaia, Isa. 52:1. Avy any Jerosalema no hiavian' ny tenin' ny Tompo, Mika 4:2. Nitomany ny amin' ny anjaran' i Jerosalema i Kristy, Mat. 23:37-39

(Lio. 13:34). Tanànan' ilay Andriamanitra velona i Jerosalema, Heb. 12:22. Tsy maintsy horavana i Jerosalema raha tsy mety mibebaka, 1 Ne. 1:4, 13, 18 (2 Ne. 1:4; Hel. 8:20). Honenana indray i Jerosalema aorian' ny fandravana azy, 3 Ne. 20:46. Hatsangana indray i Jerosalema, Ete. 13:5. Nampitandrina ny Olomasin' ny Andro Farany i Kristy, toy ny nampitandreman' ny mponin' i Jerosalema, F&F 5:20. Ireo izay avy ao Joda dia handositra any Jerosalema, F&F 133:13. Hiteny avy ao Jerosalema ny Tompo, F&F 133:21.

JEROSALEMA VAOVAO. *Jereo*
Ziona

Toerana hiangonan' ny Olomasina sy hanjakan' i Kristy tenany mihitsy miaraka amin' izy ireo mandritra ny Arivotaona. Hatsangana eo ambonin' ny Kaontinanta Amerikana i Ziona (Jerosalema Vaovao) ary hohavaozina sy handray ny voninahitry ny paradisa-ny ny tany (Ep. 1:10). Enti-manondro ny tanàna masina izay hidina avy any an-danitra amin' ny fiandohan' ny Arivotaona koa izany.

Avy any Ziona no hivoahan' ny lalàna, Mika 4:2. Ny anaran' ny tanànan' Andriamanitra dia Jerosalema vaovao, Fan. 3:12. Nahita ny tanàna i Jaona, dia i Jerosalema vaovao, Fan. 21:1-5. Ity vahoaka ity dia haoriko eo amin' ity tany ity, ary ho Jerosalema Vaovao izany, 3 Ne. 20:22. Haorina any Amerika i Jerosalema Vaovao, Ete. 13:3-6, 10. Homanina ny tanànan' i Jerosalema Vaovao, F&F 42:9, 35, 62-69. Hiangona ny Olomasina ary hanorina an' i Jerosalema Vaovao, F&F 45:63-75. Haorina any Missouri ny Jerosalema Vaovao, F&F 84:1-5 (F&F 57:1-3). Ny zanakondry dia hitsangana eo ambonin' ny Tendrombohitry i Ziona, eo ambonin' ny tanàna masina, ilay Jerosalema Vaovao, F&F 133:56. Ny tabernakeliko dia hatao hoe Ziona, izany dia Jerosalema Vaovao, Mos. 7:62.

JESE. *Jereo* koa Davida

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny

rain' i Davida ary ny razamben' i Kristy mbamin' ireo mpanjakan' i Joda rehetra.

Obeda zanakalahin' i Rota no rain' i Jese, **Rota** 4:17, 22. Voatsiahy mianotra hatrany amin' i Joda ireo razamben' i Jese, **1 Tan.** 2:5–12 (Mat. 1:5–6).

JESOA KRISTY. *Jereo koa* Alfa sy Omega; Andriamanitra; Ateraka; Drafitry ny Fanavotana; Fahalavoan' i Adama sy i Eva; Fahariana; Fahasoavana; Fahazavana, Fahazavan' i Kristy; Famelana ny fahotana; Fanasan' ny Tompo; Fanavotana; Fanomboana; Fiakarana; Fiandohana; Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany; Fibebehana; Fieritreretana; Filazantsara; Finoana; Fiovan-tarehy—Fiovan-tarehin' i Kristy; Fitsanganana amin' ny Maty; Golgota; Hazofijaliana; Ilay Voahosotra; Imanoela; IZY AHO; Jehovah; Lahimatoa; Lalana; Maria, Renin' i Jesoa; Menarana Varahina; Mesia; Mofon' aina; Mpamonjy; Mpampakatra; Mpampionona; Mpanafaka; Mpanalalana; Mpanavotra; Mpiandry ondry Tsara; Mpisolovava; Ra; Rano Velona; Sorompanavotana; Sorona; Tompo; Toriteny teo an-Tendrombohitra; Tsy Manam-piafarana; Vato Fehizoro; Vatolampy; Zanak' Olona; Zanakondrin' Andriamanitra

Ny teny hoe *Kristy* (teny Grika) sy *Mesia* (teny Hebreo) dia samy midika hoe “ilay voahosotra”. Jesoa Kristy no Lahimatoan' ny Ray tao amin' ny fanahy (Heb. 1:6; F&F 93:21). Izy no Zanak Lahitokan' ny Ray tao amin' ny nofo (Jao. 1:14; 3:16). Jehovah Izy (F&F 110:3–4) ary natokana mialoha ho amin' ny antso lehibe talohan' ny nahariana an' izao tontolo izao. Nahary ny tany mbamin' izay rehetra eo aminy i Jesoa teo ambany fitarihan' ny Ray (Jao. 1:3, 14; Mos. 1:31–33). Naterak' i Maria tao Betlehema Izy, tsy nanana

ota tamin' ny fiainany sady nahavita sorompanavotana fanaperana ho an' ny fahotan' ny olombelona rehetra tamin' ny nandatsahana ny rany sy ny nano-mezany ny ainy teo amin' ny hazofijaliana (Mat. 2:1; 1 Ne. 11:13–33; 3 Ne. 27:13–16; F&F 76:40–42). Nitsangana tamin' ny maty Izy, koa azo antoka araka izany ny fitsanganana' ny olombelona rehetra amin' ny maty. Noho ny sorompanavotana sy ny fitsanganana amin' ny maty vitan' i Jesoa, ireo izay mibebaka amin' ny fahotany ary mankatò ny didin' Andriamanitra dia afaka miara-miaina mandrakizay amin' i Jesoa sy ny Ray (2 Ne. 9:10–12; 21–22; F&F 76:50–53, 62).

Jesoa Kristy no mananaina lehibe indrindra teraka teto an-tany. Tokony hotahafin' ny olombelona rehetra ny ohatra fanaperana nitondrany ny fiainany. Tokony hatao amin' ny anarany avokoa ny vavaka, ny fitsofan-drano ary ireo ôrdônansin' ny fisoronana. Izy no Tompon' ny tompo, Mpanjakan' ny mpanjaka, Mpahary, Mpamonjy, ary Andriamanitra ny tany manontolo.

Ho avy indray amin' ny hery sy ny voninahitra i Jesoa Kristy mba hanjaka eto an-tany mandritra ny Arivotaona. Hitsara ny olombelona rehetra Izy amin' ny andro farany (Almà 11:40–41; JS—M 1).

Famintinana ny fiainany (araka ny fi-fampitohizan' ireo toe-javatra): Voalaza mialoha ny fahaterahan' i Jesoa sy ny asa anirahana Azy, **Lio.** 1:26–38 (Isa. 7:14; 9:6–7; 1 Ne. 11). Teraka, **Lio.** 2:1–7; Mat. 1:18–25). Noforana, **Lio.** 2:21. Natolotra tao amin' ny Tempoly, **Lio.** 2:22–38. Novangian' ireo Magy, **Mat.** 2:1–12. Niara-nandositra taminy tany Egipta i Josefa sy i Maria, **Mat.** 2:13–18. Nentina tao Nazareta, **Mat.** 2:19–23. Nitsidika ny tempoly fony Izy roa ambin' ny folo taona, **Lio.** 2:41–50. Nanana rahalahy sy anabavy, **Mat.** 13:55–56 (Mar. 6:3). Natao batisa, **Mat.** 3:13–17. (Mar. 1:9–11; Lio. 3:21–22). Nalain' ny devoly fanahy, **Mat.** 4:1–11 (Mar. 1:12–13; Lio. 4:1–13). Niantso ny mpianany, **Mat.** 4:18–22 (Mat. 9:9;

Mar. 1:16–20; 2:13–14; Lio. 5:1–11, 27–28; 6:12–16; Jao. 1:35–51). Nanome fahefana ny Roambinifololahy, **Mat.** 10:1–4 (Mar. 3:13–19; Lio. 6:12–16). Nanao ny Toriteny teo an-Tendrom-bohitra **Mat.** 5–7. Nilaza mialoha ny amin' ny fahafatesany sy ny fitsanganany amin' ny maty, **Mat.** 16:21 (Mat. 17:22–23; 20:17–19; Mar. 8:31; 9:30–32; 10:32–34; Lio. 9:22; 18:31–34). Niova tarehy, **Mat.** 17:1–9 (Mar. 9:2–8; Lio. 9:28–36). Naniraka ny fitopololahy, **Lio.** 10:1–20. Nanakoako ny fidirany tao Jerosalema, **Mat.** 21:1–11 (Mar. 11:1–11; Lio. 19:29–40; Jao. 12:12–15). Nametraka ny fanasan' ny Tompo, **Mat.** 26:26–29 (Mar. 14:22–25; Lio. 22:19–20). Nijaly sy nivavaka tao Getsemane, **Mat.** 26:36–46 (Mar. 14:32–42; Lio. 22:39–46). Nisy namadika, dia nosamborina ary nafoy, **Mat.** 26:47–56 (Mar. 14:43–53; Lio. 22:47–54; Jao. 18:2–13). Nohomboana, **Mat.** 27:31–54 (Mar. 15:20–41; Lio. 23:26–28, 32–49; Jao. 19:16–30). Nitsangana tamin' ny maty, **Mat.** 28:1–8 (Mar. 16:1–8; Lio. 24:1–12; Jao. 20:1–10). Niseho taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty, **Mat.** 28:9–20 (Mar. 16:9–18; Lio. 24:13–48; Jao. 20:11–31; Asa 1:3–8; 1 Kor. 15:5–8). Niakatra ho any an-danitra, **Mar.** 16:19–20 (Lio. 24:51–53; Asa 1:9–12). Niseho tamin' ny Nefita, **3 Ne.** 11:1–17 (3 Ne. 11–26). Niseho tamin' i Joseph Smith, **JS—T** 1:15–20.

Fahefana: Ny fanapahana dia ho eo an-tsorony, **Isa.** 9:6 (2 Ne. 19:6). Nampianatra amin' ny maha-olona manana fahefana Azy i Jesoa, **Mat.** 7:28–29 (Mar. 1:22). Manana fahefana hamela heloka etỳ an-tany ny Zanak' Olona, **Mat.** 9:6. Nandidy ny fanahy maloto tamin' ny fahefana i Jesoa, ary ireo dia nanaiky Azy, **Mar.** 1:27 (Lio. 4:33–36). Nanokana roa ambin' ny folo lahy i Jesoa mba hanana fahefana, **Mar.** 3:14–15. Nisy fahefana ny tenin' i Jesoa, **Lio.** 4:32. Efa nomen' ny Ray ho an' ny Zanaka ny fitsarana rehetra, **Jao.** 5:22, 27. Andriamanitra dia nanosotra an' i Jesoa tamin' ny Fanahy Masina sy ny hery, **Asa** 10:38. Efa

voatokana talohan' ny fanorenana izao tontolo izao i Kristy, **1 Pet.** 1:20 (Ete. 3:14). Manana ny fanalahidin' ny helo sy ny fahafatesana i Kristy, **Fan.** 1:18. Ny olon-drehetra dia tonga olom-pehezin' i Kristy, **2 Ne.** 9:5. Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra, no Rain' ny lanitra sy ny tany, Mpahary ny zava-drehetra hatrany am-piandohana, **Hel.** 14:12. Tonga noho ny sitrapon' ny Ray i Kristy hanao ny sitrapony, **F&F** 19:24. Nandray ny fahafenoan' ny voninahitry ny Ray i Jesoa, ary nandray ny fahefana rehetra, **F&F** 93:3–4, 16–17 (Jao. 3:35–36).

Faminaniana ny amin' ny fahaterahana sy ny fahafatesan' i Jesoa Kristy: Hanana anaka ny virijiny ka hiteraka zazalahy, **Isa.** 7:14 (1 Ne. 11:13–20). Avy ao Betlehema no hivoahan' ny ho mpanapaka amin' ny Isiraely, **Mika** 5:2. Naminany ny amin' ny andro iray, ny alina iray ary ny androm-pahazavana iray; ny kintana vaovao iray; ary ireo famantarana hafa i Samoela ilay Lamanita, **Hel.** 14:2–6. Naminany ny amin' ny haizina, ny kotro-baratra ary ny tselatra sy ny fihovitrovitry ny tany i Samoela ilay Lamanita, **Hel.** 14:20–27. Tanteraka ny famantarana ny amin' ny fahaterahan' i Jesoa, **3 Ne.** 1:15–21. Tanteraka ny famantarana ny amin' ny fahafatesan' i Jesoa, **3 Ne.** 8:5–23.

Fanjakan' i Kristy amin' ny Arivotaona: Ny fanapahana dia ho eo an-tsorony, **Isa.** 9:6 (2 Ne. 19:6). Hitoetra eo afavoanao Aho, hoy ny Tompo, **Zak.** 2:10–12 (Zak. 14:9). Homen' Andriamanitra an' i Jesoa ny seza fiandrianan' i Davida rainy, **Lio.** 1:30–33. Hanjaka mandrakizay mandrakizay i Kristy, **Fan.** 11:15. Hiara-hanjaka amin' i Kristy arivo taona ireo Olomasinga, **Fan.** 20:4 (F&F 76:63). Noho ny fahamarinan' ny olona, dia tsy hanankery i Satana, **1 Ne.** 22:26 (Fan. 20:1–3). Hiara-hitoetra amim-pahamarinana amin' ny olona eto an-tany arivo taona Aho, **F&F** 29:11 (F&F 43:29–30). Manava ny fahefana izay misy ambara-

panjakan' Ilay ny hanjaka no zony, **F&F** 58:22 (1 Kor. 15:25). Izy Kristy tenany no hanjaka eto an-tany, **Fp** 1:10 (Isa. 32:1).

Fisehoan' i Kristy taorian' ny fitsangana-ny tamin' ny maty: Rehefa nitsangana velona i Jesoa, dia i Maria no nisehoa-ny voalohany, **Mar.** 16:9 (Jao. 20:11–18). Niara-nandeha sy niresaka tamin' ny mpianatra roa teny an-dalana ho any Emaosy i Jesoa, **Lio.** 24:13–34. Jesoa dia niseho tamin' ny Apostoly izay nitsapa ny tanany sy ny tongony, **Lio.** 24:36–43 (Jao. 20:19–20). Niseho tamin' i Tomasy i Jesoa, **Jao.** 20:24–29. Niseho tamin' ny mpianatra teo amin' ny ranomasin' i Tiberiasy i Jesoa, **Jao.** 21:1–14. Nampianatra nandritra ny efapolo andro i Jesoa taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty, **Asa** 1:2–3. Nahita an' i Jesoa nijoro teo an-tanana ankavanan' Andriamanitra i Stefana, **Asa** 7:55–56. Niseho tamin' i Saoly i Jesoa, **Asa** 9:1–8 (DJS, **Asa** 9:7; **Asa** 26:9–17). Mihoatra ny 500 ny olona nahita an' i Kristy, **1 Kor.** 15:3–8. Naneho ny tenany tamin' ny vahoakan' i Nefia i Jesoa Kristy, **3 Ne.** 11:1–17. 2500 ny olona nahita sy nandre an' i Jesoa, **3 Ne.** 17:16–25. Novangian' ny Tompo i Môrmôna, **Môrm.** 1:15. Nahita ny Tompo teo an-tanana ankavanan' Andriamanitra i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery, **F&F** 76:22–23. Nahita ny Tompo tao amin' ny Tempolin' i Kirtland i Joseph sy i Oliver Cowdery, **F&F** 110:1–4. Nahita an' i Jesoa i Joseph Smith, **JS—T**, 1:15–17.

Fisian' i Kristy talohan' ny nahatongavany teto an-tany: Niseho tamin' i Abrama ny Tompo, **Gen.** 12:7 (Gen. 17:1; 18:1; Abr. 2:6–8). Niresaka tamin' i Mosesy nifanatrika ny Tompo, **Eks.** 33:11 (Deot. 34:10; Mos. 1:1–2). Nahita ny Tompo nitsangana teo amin' ny alitara aho, **Amo.** 9:1. Tany am-piandohana dia tao amin' Andriamanitra ny Teny. Ary ny teny dia tonga nofo ka niorina teo amintsika, **Jao.** 1:1, 14 (1 Jn. 1:1–3). Talohan' ny nisian' i Abrahamana, dia Izy Aho, **Jao.** 8:58. Mankalazà Ah

amin' ny voninahitra izay niarahako nanana taminao talohan' ny nisian' izao tontolo izao, **Jao.** 17:5. Nahita marina tokoa ny Mpanavotra ahy i Isaia, tahaka ny nahitan' i Jakôba rahalahiko Azy, **2 Ne.** 11:2–3. Rahampitso Aho dia ho tonga eo amin' izao tontolo izao, **3 Ne.** 1:12–14. Kristy dia nisy talohan' ny niandohan' izao tontolo izao, **3 Ne.** 26:5 (Jao. 6:62). Toy ny isehoako aminao no isehoako amin' ny oloko ao amin' ny nofo, **Ete.** 3:14–17. Nahita ny Tompo i Enoka ary niara-nandeha taminy, **F&F** 107:48–49. Ny Zanaka Malalako, dia ny Malalako sy ny Nofidiko hatrany am-piandohana, **Mos.** 4:2. Hoy ny Tompo: Iza no hirahiko? Ary namaly ilay anankiray tahaka ny Zanak' Olona hoe: Inty Aho, iraho Aho, **Abr.** 3:27.

Fitondrantsika eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy: Tsy misy anarana hafa izay hahazoana famonjena ho antsika, **Asa** 4:12 (2 Ne. 31:21). Nifaly ireo Apostoly satria natao mendrika hitondra fahafaham-baraka noho ny amin' ny anarany, **Asa** 5:38–42. Izao no didiny dia ny hinoantsika ny anaran' i Jesoa Kristy Zanany, **1 Jn.** 3:23. Ho vavolombelona fa vonona ianareo ny hitondra ny anaran' i Kristy amin' ny alalan' ny batisa, **2 Ne.** 31:13. Mba tia-ko ny hitondrana eo aminao ny anaran' i Kristy, **Môsià** 5:6–12 (Môsià 1:11). Na zovy na zovy no naniry ny hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, dia nikambana tamin' ny Fiangonan' Andriamanitra izy, **Môsià** 25:23. Ireo rehetra izay tena mpino an' i Kristy dia nitondra teo aminy ny anaran' i Kristy, **Almà** 46:15. Ny vavahadin' ny lanitra dia mivoha ho an' ireo izay hino ny anaran' i Jesoa Kristy, **Hel.** 3:28. Hota-hina izay hita ho mahatoky amin' ny anarako amin' ny andro farany, **Ete.** 4:19. Vonona izy ireo ny hitondra eo aminy ny anaran' ny Zanaka, **Môrô.** 4:3 (F&F 20:77). Ento eo aminareo ny anaran' i Kristy, **F&F** 18:21–25.

Lohan' ny Fiangonana: Kristy no lohan' ny Fiangonana, **Ef.** 5:23 (Ef. 1:22; 4:15).

Izy no lohan' ny vatana, dia ny Fiangonana, **Kol.** 1:18. Ity no Fiangonako, **Môsià** 26:22 (**Môsià** 27:13). Kristy no Tompony sy mpanefa ny finoany, **Môrô.** 6:1–4. Ity Fiangonana ity no efa naoriko, **F&F** 33:5 (3 **Ne.** 27:3–8).

Mpitsara: Izy hitsara izao tontolo izao amin' ny fahamarinana, **Sal.** 9:8 (3 **Ne.** 27:16). Avy izy hitsara ny tany, **Sal.** 96:13. Samy hotsarain' Andriamanitra na ny marina na ny meloka, **Mpito.** 3:17. Hitsara eo anivon' ireo firenena Izy, **Isa.** 2:4 (**Mika** 4:3; 2 **Ne.** 12:4). Amin' ny fahamarinana no hitsarany ny manantra, **Isa.** 11:2–4. Efa nomen' ny Ray ny Zanaka ny fitsarana rehetra, **Jao.** 5:22. Raha mitsara Aho dia marina ny fitsarako, **Jao.** 8:16. Natokan' Andriamanitra Izy mba ho mpitsara ny velona sy ny maty, **Asa** 10:42. (2 **Tim.** 4:1). Hitsara ny zava-miafin' ny olona amin' ny alalan' i Jesoa Kristy Andriamanitra, **Rom.** 2:16. Samy hijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra isika rehetra, **Rom.** 14:10. (2 **Kor.** 5:10; **Almà** 12:12; **Môrm.** 3:20; 7:6; **Ete.** 12:38; **F&F** 135:5). Ny olon-drehetra dia hanatona an' Andriamanitra mba hotsarainy araka ny fahamarinana sy ny fahamasinana izay ao aminy, **2 Ne.** 2:10. Hijoro eo anoloan' Andriamanitra mba hotsaraina araka ny asa, **Almà** 5:15 (**Almà** 12:15; 33:22; 3 **Ne.** 27:14). Andriamanitra sy i Kristy no mpitsara ny rehetra, **F&F** 76:68.

Ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy: Fianarana no nomeko anareo, **Jao.** 13:15. Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana, **Jao.** 14:6. Efa nijaly ho antsika koa i Kristy ka namela fianarana ho antsika mba hanarahantsika ny diany, **1 Pet.** 2:21. Raha tsy manaraka ny ohatry ny Zanak' Ilay Andriamanitra Velona ny olona dia tsy azo vonjena, **2 Ne.** 31:16. Mba tiako ho tanteraka tahaka Ahy ianareo, **3 Ne.** 12:48. Izany dia hoezahinareo mandrakariva mba hatao toy izay efa nataoko, **3 Ne.** 18:6. Efa nanome ohatra ho anareo Aho, **3 Ne.** 18:16. Ny asa izay efa hitanareo nataoko no hataonareo koa,

3 Ne. 27:21, 27. Ny mpanara-dia marina an' i Jesoa Kristy dia tahaka Azy, **Môrô.** 7:48.

Tandindona na sarinteny momba an' i Kristy: Nanatitra ny voalohan-teraky ny ondriny ho fanatitra i Abela, **Gen.** 4:4 (**Mos.** 5:20). Ento i Isaka lahitokanao, dia atero ho fanatitra izy, **Gen.** 22:1–13 (**Jkb.** 4:5). Nandidy ny zanak' i Isiraely ny Tompo hanao sorona zanak' ondry tsy misy kilema, **Eks.** 12:5, 21, 46 (**Nom.** 9:12; **Jao.** 1:29; 19:33; 1 **Pet.** 1:19; **Fan.** 5:6). Itony no mofo izay nomen' ny Tompo anareo hohanina, **Eks.** 16:2–15 (**Jao.** 6:51). Kapohy ny harambato, dia hisy rano hivoaka avy aminy hosotroin' ny olona, **Eks.** 17:6 (**Jao.** 4:6–14; 1 **Kor.** 10:1–4). Hoentiny ny osilahy ny helok' izy rehetra, **Lev.** 16:20–22 (**Isa.** 53:11; **Môsià** 14:11; 15:6–9). Nanainga ny menarana varahina hamonjena ireo mijery izany i Mosesy, **Nom.** 21:8–9 (**Jao.** 3:14–15; **Almà** 33:19; **Hel.** 8:14–15). Jona dia tao an-kibon' ilay hazandrano telo andro, **Jona** 1:17 (**Mat.** 12:40). Ity zavatra ity dia tandindon' ny soron' ny Lahimatoan' ny Ray, **Mos.** 5:4–8.

Tenivavolombelona natao momba an' i Jesoa Kristy: Nanambara i Paoly fa i Jesoa no Kristy, **Asa** 18:5. Ny fanahy ratsy aza dia nanambara fa fantany i Jesoa, **Asa** 19:15. Tsy misy olona afaka milaza fa i Jesoa no Tompo raha tsy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, **1 Kor.** 12:3. Hitsaoka ny lohalika rehetra ary hiaiky ny lela rehetra fa i Jesoa no Kristy, **Filip.** 2:10–11. Miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, maminany ny amin' i Kristy, **2 Ne.** 25:26. Ny Bokin' i Môrmôna dia ho fandresendahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy, **2 Ne.** 26:12 (Takila fiandohana ao amin' ny Bokin' i Môrmôna). Nanambara ny amin' i Kristy ireo mpaminany sy ny soratra masina, **Jkb.** 7:11, 19. Katsaho ity Jesoa izay efa nosoratan' ny mpaminany sy ny apostoly ny aminy ity, **Ete.** 12:41. Nahita Azy izahay ary nandre ny feo

nanambara fa Izy no Lahitokana, **F&F** 76:20–24. Izaio no fiainana mandrakizay—dia ny mahafantatra an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy, **F&F** 132:24. Mino an' Andriamanitra Ray Mandrakizay isika ary mino an' i Jesoa Kristy Zanany, **Fp.** 1:1. Mino isika fa Izy Kristy tenany no hanjaka eto an-tany, **Fp.** 1:10.

Voninahitr' i Jesoa Kristy: Nameno ny tabernakely ny voninahitry ny Tompo, **Eks.** 40:34–38. Henika ny voninahiny ny tany manontolo, **Isa.** 6:3 (2 **Ne.** 16:3). Ny voninahitry ny Tompo efa mipoaka aminao, **Isa.** 60:1–2. Ho avy amin' ny voninahitry ny Rainy ny Zanak' Olona, **Mat.** 16:27. Mankalazà Ahy amin' ny voninahitra izay nia-rahako nanana taminao talohan' ny nisian' izao tontolo izao, **Jao.** 17:5. Tsy maintsy manjaka amin' ny voninahidehibe ny Iray Masin' ny Isiraely, **1 Ne.** 22:24. Nanananay ny fanantenana ny voninahiny, **Jkb.** 4:4. Tonga amin' ny voninahiny ny Zanak' Andriamanitra, **Almà** 5:50. Izy dia name-labelatra ny zava-drehetra hatrany am-piandohana ka hatramin' ny fotoana izay hahatongavany ao amin' ny voninahiny, **3 Ne.** 26:3. Ny Apostoliko dia hijoro, mitafy voninahitra toa Ahy, **F&F** 29:12 (**F&F** 45:44). Tazanay ny voninahitry ny Zanaka eo an-tanana ankavanan' ny Ray, **F&F** 76:19–23. Jaona dia nahita ary vavolombelona nanambara ny amin' ny fahafenoan' ny voninahitro, **F&F** 93:6 (**Jao.** 1:14). Ny tarehiny dia manjelanjelatra mihoatra noho ny famirapiraty ny masoandro **F&F** 110:3. Teo amiko ny voninahiny ary hahita ny tavany aho, **Mos.** 1:1–11. Izaio no asako sy voninahitro, **Mos.** 1:39.

JETRO. *Jereo koa* Mosesy

Printsy ao amin' ny Testamenta Taloha sady mpisoron' ny Midiana izay nampiantrano an' i Mosesy fony i Mosesy nandositra avy tany Egipta. Natao koa hoe Regoela izy (**Eks.** 2:18). Nanambady an' i Zipora zanakavavin' i Jetro i Mosesy (**Eks.** 3:1; 4:18; 18:1–

12). Nampianatra an' i Mosesy hitsinjara fahefana i Jetro (**Eks.** 18:13–27). Nahazo ny Fisoronana Melkizedeka tamin' i Jetro i Mosesy (**F&F** 84:6–7).

JEZEBELA. *Jereo koa* Ahaba

Vehivavy mamohetrana ao amin' ny Testamenta Taloha avy amin' ny tanin' i Foinisia. Izy dia vadin' i Ahaba (1 **Mpan.** 16:30–31), mpanjakan' i Isiraely izay nanjaka fony i Elia no mpaminany.

Ny fanambadian' i Jezebelà an' i Ahaba dia hafa noho ny toe-javatra nisy rehetra fa nahatonga ny fianjeran' ny fanjakan' i Isiraely Avaratra; avy tany amin' ny taniny no nentin' i Jezebelà nampidirina tao Isiraely ny fomba ratsy indrindra amin' ny fanompoan-tsampy ho solon' ny fanompoana an' i Jehovah (1 **Mpan.** 18:13, 19).

Namono ny maro tamin' ireo mpaminanin' Andriamanitra i Jezebelà, **1 Mpan.** 18:4. Nanandrana ny namono an' i Elia i Jezebelà, **1 Mpan.** 19:1–3. Niafara tamin' ny fahafatesany mahatsiravina ny faharatsian' i Jezebelà, **2 Mpan.** 9:30–37.

JIOSY. *Jereo koa* Isiraely; Joda

Ny Jiosy dia mety ho (1) ireo taranak' i Joda, anankiray amin' ireo zanakalahin' i Jakoba roa ambin' ny folo, (2) ny mponin' ny fanjakan' i Joda atsimo fahiny na (3) ny vahoaka izay manaraka fivavahana, fomba fiaina sy nentin-drazana avy amin' ny Jodaisma fa mety ho *Jiosy* na tsia ara-pirazanana. Nanjary nahazatra ny mampiasa ny teny hoe *Jiosy* ilazana ny taranak' i Jakoba rehetra saingy diso izany. Tokony ho ferana amin' ireo avy amin' ny fanjakan' i Joda ary indrindra indrindra ireo avy amin' ny fokon' i Joda sy ny iray tarika aminy ihany izany.

Tsy hiala amin' i Joda ny tehim-panjakana mandra-pahatongan' i Silo, **Gen.** 49:10. Ny filazantsaran' i Kristy dia herin' Andriamanitra ho famonjena, ny Jiosy aloha, **Rom.** 1:16. Mpaminany iray no hatsangan' ny Tompo eo ani-

von' ny Jiosy—dia ny Mesia, **1 Ne.** 10:4. Fony ilay boky nivoaka ny vavan' ny Jiosy, dia tsotra sy madio ireo zavatra, **1 Ne.** 14:23. Haely patrana any anivon' ny firenena rehetra ny Jiosy, **2 Ne.** 25:15. Ny Jiosy no olon' ny fanekempihavanako fahiny, **2 Ne.** 29:4. Hanomboka hino an' i Kristy ny Jiosy izay miely patrana, **2 Ne.** 30:7. Ny Jiosy dia hitsipaka ny vato izay ahafahany manorina eo amboniny, **Jkb.** 4:14–16. Ny Jiosy dia hanana vavolombelona hafa fa i Jesoa no tena Kristy, **Môrm.** 3:20–21. Mpaminany roa no hatsangana ho an' ny firenena Jiosy amin' ny andro farany, **F&F** 77:15. Antsoy ny firenena rehetra, voalohany dia ny Jentilisa ary rehefa izany dia ny Jiosy, **F&F** 133:8. Amin' ireo andro ireo dia ho tojo fahoriana lehibe ny Jiosy, **JS—M** 1:18.

JIRIK' I GADIANTÔNA. *Jereo koa*

Tsikombakomba Miafina

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna: andiana mpangalatra natsangan' ilay Nefita ratsy fanahy atao hoe Gadiantôna. Nifototra tamin' ny tsiambaratelo sy ny fiozonana miafina avy amin' i Satana ny fikambanany.

Nahatonga ny famongorana ny firenena Nefita i Gadiantôna, **Hel.** 2:12–13. Nomen' ny devoly an' i Gadiantôna ireo fiozonana sy dina miafina, **Hel.** 6:16–32. Nahatonga ny famongorana ny firenena Jeredita ireo tsikombakomba miafina, **Ete.** 8:15–26.

JOBA

Lehilahy marina tao amin' ny Testamanta Taloha, izay niaritra fijaliana goavana nefa dia mbola nitoetra ho nahatoky tamin' ny finoany an' Andriamanitra. Voalaza ao amin' ny bokin' i Joba ny tantarany.

Ny bokin' i Joba: Na momba ny fijalian' i Joba aza ny boky, dia tsy mamaly tanteraka ny fanontaniana hoe: nahoana i Joba (na ny olona iray hafa) no mety hiaritra fijaliana sy famoizana ny ankohonany mbamin' ny fananany. Manazava ny boky fa ny fijaliana mi-

hatra dia tsy midika mandrakariva fa nanota ilay olona. Ny Tompo dia mety hampiasa ny fijaliana hahazoan' ny olona fahaiza-manao, fifehezan-tena ary fianarana na famaizana ihany koa (**F&F** 122).

Azo zaraina ho efatra ny boky. Ny toko 1–2 dia sasin-teny ho an' ny tantara. Ny toko 3–31 dia mitantara an' ireo fifandaharana nifanesy teo amin' i Joba sy ny namany telo. Ny toko 32–37 dia mirakitra ny lahatenin' i Eliho, namana fahefatra izay manameloka an' i Joba noho ny antony hafa noho ny an' ireo namany telo voalohany. Ny toko 38–42 dia mamarana ny boky amin' ny fanomezan-toky ho an' i Joba fa efa tsara hatrany am-piandohana ny fitondrany ny fiainany.

Mampianatra ny bokin' i Joba fa raha manana fahalalana marina an' Andriamanitra ny olona iray ary manaraka ny fomba fiaina izay ankasitrahany an' Andriamanitra, dia ho hainy kokoa ny hiaritra ny fizahan-toetra izay mianjady aminy. Ny finoana namaka tamin' i Joba dia ahariharin' ny hiaka toy ny hoe: “Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hitoky Aminy aho” (**Joba** 13:15). Voatonona koa ao amin' ny **Ezekiela** 14:14; **Jakoba** 5:11; Foto-pampianarana sy Fanekempihavana-na 121:10 i Joba.

JODA. *Jereo koa* Baiboly; Isiraely;

Jiosy

Ao amin' ny Testamanta Taloha, ny zanakalahy fahefatr' i Jakoba sy i Lea (**Gen.** 29:35; 37:26–27; 43:3; 8; 44:16; 49:8). Nitahy an' i Joda i Jakoba fa ho mpitondra azy eo anivon' ireo zanakalahin' i Jakoba izy ary ho taranany i Silo (Jesoa Kristy) (**Gen.** 49:10).

Ny fokon' i Joda: Ny fokon' i Joda no nitarika taorian' ny fanorenampone-nana teo Kanana. Ny fokon' i Efraïma no tena nifandrafy taminy. Nitsodrano ny fokon' i Joda i Mosesy (**Deot.** 33:7). Taorian' ny fitondran' i Solomona dia nanjary fanjakan' i Joda ny fokon' i Joda.

Ny fanjakan' i Joda: Nivaky roa niavaka

tsara ny fanjakan' i Solomona tamin' ny nitondran' i Rehoboama, ny antony dia noho ny fialonana nisy teo amin' ireo fokon' i Efraïma sy i Joda. Ny fanjakana atsimo, na fanjakan' i Joda dia nahitana ny fokon' i Joda mbamin' ny ampahany be tamin' ny Benjamina. Jerosalema no renivohiny. Amin' ny ankapobeny dia nitoetra ho nahatoky kokoa tamin' ny fiderana an' i Jehovah izany noho ny fanjakana avaratra. Vitsy kokoa ny fanafihana an' i Joda avy any avaratra sy avy any atsinanana, ary nijanona teo an-tanan' ny mpianakavin' i Davida ny fahefana faratampo ny ambara-pahatongan' ny fahababoa-na tany Babylona. Nahavita naharitra 135 taona taorian' ny fianjeran' i Isiraely be mponina sy mahery kokoa ny fanjakan' i Joda.

Ny tapa-kazon' i Joda: Izany dia manondro ny Baiboly ho rakitsoratra ny mpianakavin' i Joda (Ezek. 37:15–19). Amin' ny andro farany, rehefa angonina ireo sampana samihafa amin' ny mpianakavin' i Isiraely, dia hiara-hangonina ihany koa ny rakitsoratra masiny. Mifameno ireny rakitsoratra masina ireny ary miforona ho tenivolombelona tafatambatra fa i Jesoa no Kristy, ilay Andriamanitry ny Isiraely sy ilay Andriamanitry ny tany manontolo (2 Ne. 3; 29; DJS, Gen. 50:24–36).

JODA

Ao amin' ny Testamanta Vaovao, anankiray tamin' ireo rahalahin' i Jesoa ary ampoizina ho mpanoratra ny epistilin' i Joda (Mat. 13:55; Joda 1:1).

Ny epistilin' i Joda: Ny boky dia ahitana taratasy avy amin' i Joda ho an' ireo Olomasina sasantsasany izay nalemy ny finoany. Izy ireny dia nolemen' ireo izay nihambo ho Kristiana teo anivony, saingy nanaraka ny fomba vetavetan' ny mpanompo sampy sady nilaza ho afaka tamin' ny fankatoavana ny lalàm-pitondrantena. Naniry i Joda ny hamoha ny Olomasina hahatsapany ny lozam-panahy mitatao amin' izy

ireny ary ny handrisika azy ireny hijanona ho mahatoky.

Anisan' ny andininy misongadina ao amin' ny Joda ny andininy 6 izay mitantara ny ady tany an-danitra sy ny fanjerana an' i Losifera mbamin' ny anjelin' avy tamin' izany toetra talohan' ny fiainana mety maty izany (Abr. 3:26–28), ary ny andininy 14–15, izay faminiana nataon' i Enoka.

JODASY ISKARIOTA

Anankiray tamin' ireo Apostoly roa ambin' ny folon' i Jesoa, ao amin' ny Testamanta Vaovao (Mat. 10:4; Mar. 14:10; Jao. 6:71; 12:4). Ny anaram-pianakaviany dia midika hoe “olona avy any Keriota”. Avy amin' ny fokon' i Joda izy ary hany Apostoly tsy mba Galiliana. Namadika ny Tompo i Jodasy.

Nahazo sekely volafotsy telopolo hanolorana an' i Kristy ho amin' ny anankiray amin' ny lohan' ny mpisorona **Mat.** 26:14–16 (Zak. 11:12–13). Namadika ny Tompo tamin' ny oroka, **Mat.** 26:47–50 (Mar. 14:43–45; Lio. 22:47–48; Jao. 18:2–5). Nananton-tena, **Mat.** 27:5. Niditra tao amin' i Jodasy i Satana, **Lio.** 22:3 (Jao. 13:2, 26–30). Niteny ny amin' ny hamadihan' i Jodasy an' i Jesoa i Davida, **Asa** 1:16 (Sal. 41:9).

JODASY, RAHALAHIN' I JAKOBA

Ao amin' ny Testamanta Vaovao, anankiray tamin' ireo Apostoly Roa ambin' ny folo voalohan' i Jesoa Kristy (Lio. 6:13–16). Ny nahafantarana azy koa angamba dia ny hoe Lebeo Tadeo (Mat. 10:2–4).

JOELA

Mpaminany teo amin' ny tanin' i Joda, ao amin' ny Testamanta Taloha. Tsy azo antoka ny fe-potoana niainany—mety ho niaina teo anelanelan' ny fotoana nanjakan' i Joasy, talohan' ny 850 talohan' i j.k., sy ny fiverenan' ny fokom-pirenen' i Joda avy tamin' ny fahababoa-na tany Babylona izy.

Ny bokin' i Joela: Ny boky dia miompana amin' ny faminaniana nataon' i Joela taorian' ny nikapohana ny tanin' i Joda tamin' ny haintany sy tamin' ny valala (Joe. 1:4–20). Nanome toky ny olona i Joela fa amin' ny alalan' ny fibebahana dia ho azony indray ireo fitahian' Andriamanitra (Joe. 2:12–14).

Ny toko 1 dia antso mba hisian' ny fivoriana masina ao an-tranon' ny Tompo. Ny Toko 2 dia milaza ny amin' ny ady sy ny faharavana izay mialoha lalana ny Arivotaona. Ny toko 3 dia miresaka ny amin' ny andro farany ary manamafy fa hifanandrina amin' ny ady ny firenena rehetra ary amin' ny farany dia hitoetra ao Ziona ny Tompo.

Petera dia nampahatsiahy ny faminanian' i Joela ny amin' ny fandatsahana ny Fanahy amin' ny andro Pantekôsta (Joe. 3:1–5; Asa 2:16–21). Nampahatsiahy koa an' io andininy io ihany tamin' i Joseph Smith ny anjely Môrônia (JS—T 1:41).

JONA. *Jereo koa* Ninive

Mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nantsoin' ny Tompo mba hitory fibebahana amin' ny tanànan' i Ninive (Jona 1:1–2).

Ny bokin' i Jona: Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha, izay milaza ny zava-nodiavin' i Jona teo amin' ny fiainany. Angamba tsy izy Jona tenany no nanoratra ny boky. Ny hevi-dehibe ao amin' ny bokin' i Jona dia manjaka hatraiza hatraiza i Jehovah ary tsy mameatra ny fitiavany ho amina firenena na vahoaka tokana.

Ao amin' ny toko 1 no niantso an' i Jona ny Tompo mba hitory any Ninive. Naleon' i Jona nandositra tamin' ny sambo ka natelin' ny hazandrano vaventy toy izay hanao izay efa nandidian' ny Tompo. Ao amin' ny toko 2 dia nivavaka tamin' ny Tompo i Jona ka dia naloan' ilay hazandrano teny amin' ny tany maina. Ny toko 3 dia mitantara fa nandeha nankany Ninive i Jona ary naminany ny amin' ny fianjerany. Nibebaka anefa ny

vahoaka. Ao amin' ny toko 4 dia nan-devilevy an' i Jona ny Tompo noho ny fahatezerany raha namonjy ny vahoaka ny Tompo.

Nampianatra i Jesoa fa ny fiteleman' ny hazandrano an' i Jona dia tandindon' ny fahafatesana sy ny fitsanganan' i Jesoa amin' ny maty (Mat. 12:39–40; 16:4; Lio. 11:29–30).

JONATANA. *Jereo koa* Davida;

Saoly, Mpanjakan' i Isiraely

Ao amin' ny Testamenta Taloha: zana-kalahin' i Saoly, mpanjakan' ny Isiraely. Naman' i Davida akaiky i Jonatana (1 Sam. 13–23, 31).

JOSAFATA

Mpanjaka nahatoky tamin' i Joda, ao amin' ny Testamenta Taloha (1 Mpan. 15:24; 22).

JOSEFA AVY ANY ARIMATIA

Josefa avy any Arimatia dia mpikambana tao amin' ny Synedriona, mpianatr' i Kristy, Isiraelita manan-karena sady mahatoky izay tsy nandray anjara tamin' ny fanamelohana ny Tompon-tsika. Taorian' ny fanomboana, dia nasain' i Josefa nofonosina lamba hariry ny vatan' ny Mpamonjy ka naleviny tao amin' ny fasany miendrika zohy (Mat. 27:57–60; Mar. 15:43–46; Lio. 23:50–53; Jao. 19:38–42).

JOSEFA, TAPA-KAZON' I. Jereo

Bokin' i Môrmôna; Efraima—Ny tapa-kazon' i Efraima na Josefa

JOSEFA, VADIN' I MARIA. *Jereo koa*

Jesoa Kristy; Maria, Renin' i Jesoa

Vadin' i Maria, renin' i Jesoa. Taranak' i Davida i Josefa (Mat. 1:1–16; Lio. 3:23–38) ary nonina tao Nazareta. Voafotofo ho vadin' i Maria izy. Taloha kelin' ny fanambadiany, dia namangy an' i Maria ny Anjely Gabriela izay nanambara fa i Maria dia voafidy ho Renin' ny Mpamonjy (Lio. 1:26–35). Nahazo koa ny fanambarana ny amin' ity fahaterahana avy amin' Andriamanitra ity i Josefa (Mat. 1:20–25).

Maria no hany iray nofo aman-dra tamin' i Jesoa teto an-tany, satria Andriamanitra Ray no rain' i Jesoa; saingy nihevitra an' i Josefa ho rain' i Jesoa ny Jiosy, ary i Jesoa dia nitondra azy ho toy izany (Lio. 2:48, 51). Niaro ny ain' i Jesoa zaza i Josefa rehefa nahazo tsindrimandry avy tany an-danitra ka nandositra tany Egipta (Mat. 2:13–14). Rehefa maty i Heroda, dia notoroan' ny anjely hevitra i Josefa hitondra an' i Kristy zaza hiverina any Isiraely (Mat. 2:19–23).

JOSEFA, ZANAKALAHIN' I

JAKOBA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha: ny zanaka lahimatoan' i Jakoba sy i Rahe-ly (Gen. 30:22–24; 37:3).

Nahazo ny fizokiana tany Isiraely i Josefa, satria Robena, ilay zanaka lahimatoan' ny vady voalohan' i Jakoba, dia namery ny zony noho ny fandikan-dalàna (1 Tan. 5:1–2). Noho i Josefa mendrika, dia izy, araka ny maha-zanaka lahimatoan' ny vady faharoan' i Jakoba azy, no olona manaraka tokony hahazo ny tsodrano. Nahazo tsodrano tamin-drainy koa i Josefa taloha kelin' ny nahafatesan' i Jakoba (Gen. 49:22–26).

Josefa dia lehilahy mahitsy fo izaitsy, olona “malina sady hendry” (Gen. 41:39). Ny fandavany ny vadin' i Potifara dia maneho finoana, fahadiovam-pitondrantena ary hitsim-po manokana (Gen. 39:7–12). Rehefa nanambara tamin' ireo rahalahiny ny momba azy marina i Josefa tany Egipta, dia nisaotra azy ireo tamin' ny fomba nitondrany azy izy fa tsy mba nandevilevy. Nino izy fa ny nataon' izy ireo dia nanampy tamin' ny fanatontosana ny sitrapon' Andriamanitra (Gen. 45:4–15).

Ny fanambaran' ny andro farany dia manambara ny asa lehibe kokoa anirahana ny mpianakavin' i Josefa amin' ny andro farany (2 Ne. 3:3–24; 3 Ne. 20:25–27; DJS, Gen. 50).

Tian' i Jakoba fatratra i Josefa ka nomeny azy ny kapaoty iray misoratsoratra,

Gen. 37:3. Nitombo ny fankalahan' ireo rahalahiny azy noho ny fialonana, koa raha notetehiny ny hamono azy, dia naleony indray nivarotra azy tamin' ireo mpivarotra izay teny an-dalana ho any Egipta, **Gen. 37:5–36.** Nampiroboro an' i Josefa ny Tompo tany Egipta ka tonga mpanapaka ny tranon' i Potifara izy, **Gen. 39:1–4.** Nandainga ny vadin' i Potifara ka nilaza fa nikasa ny hanangoly azy i Josefa; nampangaina lainga i Josefa ary naiditra an-tranomai-zina, **Gen. 39:7–20.** Nanazava ny nofin' ny lehiben' ny mpandroso divay sy ny mpanao ny mofon' i Farao i Josefa, **Gen. 40.** Nanomboka nankasitraka an' i Josefa i Farao, satria nohazavain' i Josefa ny iray tamin' ny nofin' i Farao; nataony mpanapaka amin' i Egipta i Josefa, **Gen. 41:14–45.** Teraka i Efraïma sy i Manase, **Gen. 41:50–52.** Tafahoa-na tamin' ny rainy sy ireo rahalahiny i Josefa, **Gen. 45–46.** Maty tany Egipta teo amin' ny faha-110 taonany i Josefa, **Gen. 50:22–26.**

JOSEPH SMITH, ZANANY. *Jereo* Smith, Joseph, zanany

JOSIASA

Mpanjaka marina tamin' i Joda, hatramin' ny 641–610 talohan' i j.k. (2 Mpan. 22–24; 2 Tan. 34–35). Nandritra ny fitondrany no nahitana ny bokin' ny lalàna tao an-tranon' ny Tompo (2 Mpan. 22:8–13).

JOSOA. *Jereo koa* Jeriko

Mpaminany sy mpitondra ary mpan-dimby an' i Mosesy ao amin' ny Testa-menta Taloha. Teraka tany Egipta izy talohan' ny nandosiran' ny zanak' i Isiraely (Nom. 14:26–31). Izy sy i Kaleba no anisan' ireo mpisafo tany roa ambin' ny folo nirahina tany Kanana. Izy ireo irery no nanao tatitra tsara momba ilay tany (Nom. 13:8; 17–14:10). Maty teo amin' ny faha-110 taonany izy, (Jos. 24:29). Josoa dia sary velon' ny mpian-tafika sady mpaminany mafana fo.

Ny bokin' i Josoa: Mitondra ny anaran' i Josoa ity boky ity satria izy no vain-

dohan' ny tantara saingy tsy izy no mpanoratra. Araka ny lovantsofina Jiosy, dia i Jeremia no nanoratra ny bokin' i Josoa rehefa nanovo hevitra tamin' ireo rakitsoratra tany aloha. Ny toko 1–12 dia mitantara ny nahazoana an' i Kanana; ny toko 13–24 dia milaza ny amin' ny fokon' i Isiraely mizara tany sy ny amin' ny anatanatra farany nataon' i Josoa.

Ireo andininy roa misongadina ao amin' ny bokin' i Josoa dia ny fandidian' ny Tompo azy hisaintsaina ny amin' ny soratra masina (Jos. 1:8) sy ny fandrisihan' i Josoa ny vahoaka ho mahatoky amin' ny Tompo (Jos. 24:15).

KAIAFA. *Jereo koa* Anasy; Sadoseo

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, mpi-sorona avo sady vinantolahin' i Anasy. Kaiafa dia nandray anjara mavitrika tamin' ny fanoherana an' i Jesoa sy ny mpianany (Mat. 26:3–4; Jao. 11:47–51; 18:13–14).

KAINA. *Jereo koa* Abela; Adama;

Famonoan' Olona;

Tsikombakomba Miafina

Zanakalahin' i Adama sy i Eva, izay namono an' i Abela zandriny lahy (Gen. 4:1–16).

Notsipahin' ny Tompo ny fanatiny, **Gen.** 4:3–7 (Mos. 5:5–8, 18–26). Namono an' i Abela rahalahiny, **Gen.** 4:8–14 (Mos. 5:32–37). Ny Tompo nanozona sy nanao famantarana ho azy, **Gen.** 4:15 (Mos. 5:37–41). Nanana zanaka lahy sy vavy maro i Adama sy i Eva talohan' ny nahaterahany, **Mos.** 5:1–3, 16–17. Notiaviny mihoatra noho Andriamanitra i Satana, **Mos.** 5:13, 18. Nanao fifanekena tsy masina tamin' i Satana, **Mos.** 5:29–31.

KAISARA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, anaram-boninahitra nahafantarana ny Amperora Romana sasany. Ampiasaina ao amin' ny soratra masina izany ho toy ny tandindon' ny governemanta na ny fahefana eto amin' izao tontolo izao.

Aloavy ho an' i Kaisara izay an' i Kaisara, **Mat.** 22:21 (Mar. 12:17; Lio. 20:25; F&F 63:26).

KALEBA

Anankiray tamin' ireo nirahin' i Mosesy hisafo ny tany Kanana tamin' ny taona faharoan' ny Fifindramonina. Izy sy i Josoa irery no nitondra tatitra marina momba ilay tany (Nom. 13:6, 30; 14:6–38). Izy ireo irery tamin' ireo izay nandao an' i Egipta no mbola velona taorian' ny efapolo taona tany an' efitra (Nom. 26:65; 32:12; Deot. 1:36) ka niditra an' i Kanana (Jos. 14:6–14; 15:13–19).

KALVARY. *Jereo* Golgota

KANANA, KANANITA

Tamin' ny fotoan' ny Testamenta Taloha, zanakalahy fahefatr' i Hama (Gen. 9:22; 10:1, 6) ary zafikelin' i Noa. Ny hoe Kananita dia manondro ny mponina teo amin' ny tany izay none-nan' i Kanana tany am-piandohana, ary koa ireo taranany. Ny hoe Kananita koa dia anaran' ny vahoaka izay nonina tamin' ny faritra iva, manaraka ny morontsirak' i Mediteranea izay manemitra an' i Palestina. Nampiasaina indraindray izany anarana izany mba hilazalazana ireo mponina tsy Isiraelita rehetra tamin' ny ilany andrefan' i Jordana, izay nataon' ny Grika hoe Foinisiana.

KAPITENY

Manamboninahitra tao amin' ny tafika Romana, nibaiko miaramila 50 ka hatramin' ny 100. Ny holafitra toy izany dia manome ny iray ampahenin' ny legionana Romana. (Jereo Mat. 8:5; Lio. 23:47; Asa 10:1–8).

KEROBIMA

Sary maneho an' ireo zava-mananaina any an-danitra izay tsy fantatra ny tena endriny marina. Natao hiambina ny toerana masina ny kerobima.

Nampitoerin' ny Tompo ny kerobima hiambina ny lalana mankany amin' ny

hazon' aina, **Gen.** 3:24 (Almà 12:21–29; 42:2–3; Mos. 4:31). Sarin' ny kerobima no napetraka teo amin' ny fitoeran' ny famindram-po, **Eks.** 25:18, 22 (1 Mpan. 6:23–28; Heb. 9:5). Voatonona ao amin' ny fahitan' i Ezekiela ny kerobima, **Ezek.** 10; 11:22.

KIMBALL, SPENCER W. *Jereo koa*
Filazana Ôfisialy—2

Filoha faharoa ambin' ny folo tao amin' ny fiangonana hatramin' ny nanganana azy tamin' ny taona 1830. Nanompo teo amin' ny toeran' ny Filoha i Spencer W. Kimball nanombo-ka tamin' ny volana Desambra 1973 ka hatramin' ny volana Novambra 1985. Teraka tamin' ny taona 1895 izy ary maty tamin' ny taona 1985 teo amin' ny fahasivifolo taonany.

Ny volana Jiona 1978, dia nolazain' ny fiadidiana voalohany ny fahazoan' ny Filoha Kimball fanambarana izay manome ny fisoronana sy ireo fitahian' ny tempoly ho an' ireo mpikambana lahy mendrika rehetra, **F&F FO**—2.

KIRIHITR' ALA MASINA. *Jereo*
Fahitana Voalohany

KIROSY

Mpanjak' i Persia, ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nanatanteraka ny faminanian' i Isaia (2 Tan. 36:22–23; Isa. 44:28; 45:1) tamin' ny namelany ny Jiosy hiverina any Jerosalema mba hanorina ny tempoly, ka namarana amin' ny ampahany ny fahababoana tany Babylonia. Ny faminanian' i Isaia dia natao sahabo ho 180 taona talohan' ny fanapahan-kevitra ny mpanjaka.

KISKOMENA. *Jereo koa* Jirik' i
Gadiantôna

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpiton-dra andian' olon-dratsy izay fantatra taty aoriana amin' ny anarana hoe jirik' i Gadiantôna (Hel. 1:9–12; 2).

KÔLEJY. *Jereo koa* Fisoronana

Azo ampiasaina amin' ny fomba roa

ny teny hoe *kôlejy*: (1) Andian-dehilahy manokana izay manana anjara fanompoana mitovy ao amin' ny fisoronana. (2) Ny maro an' isa na ny isa farafahakeliny tratarina amin' ny andiana mpihazona ny fisoronana manatrika fivoriana iray mba hahafahana manatanteraka raharahan' ny Fiangonana (**F&F** 107:28).

Filazalazana mikasika ny Kôlejin' ny Fiadidiana Voalohany, ny Roambinifololahy, ary ny Fitopololahy, ary koa ny fifandraisan' izy ireo, **F&F** 107:22–26, 33–34 (**F&F** 124:126–128). Tsy maintsy iraisana ny fanapahan-kevitr' ireo kôlejy, **F&F** 107:27. Tokony horaisina amin' ny fahamarinana rehetra ny fanapahan-kevitra ao amin' ny kôlejy, **F&F** 107:30–32. Filazalazana ny andraikitr' ireo filohan' ny kôlejin' ny fisoronana, **F&F** 107:85–96. Najoro ho an' ireo mpanompo maharitra ny kôlejin' ny loholona, **F&F** 124:137.

KÔLÔBA

Ilay kintana akaiky indrindra ny seza fiandrianan' Andriamanitra (**Abr.** 3:2–3, 9).

Nahita an' i Kôlôba sy ireo kintana i Abrahama, **Abr.** 3:2–18. Araka ny fotoan' i Kôlôba ny fanisana ny fotoan' ny Tompo, **Abr.** 3:4, 9 (**Abr.** 5:13).

KOLOSIANA, EPISTILY HO AN'

NY. *Jereo koa* Epistilin' i Paoly;
Paoly

Boky iray ao amin' ny Testamenta Vaovao. Taratasy nosoratan' i Paoly Apostoly ho an' ny Kolosiana izany tany am-boalohany rehefa avy namangy azy i Epafrà, ilay evanjelisty ny Fiangonana tao Kolosy (Kol. 1:7–8). Nilazan' i Epafrà i Paoly fa latsaka ao amin' ny hadisoana bevava ny Kolosiana—nihevitra izy ireo fa tsaratsara kokoa noho ny vahoaka hafa, noho izy ireo nitandrina fatratra ireo ôrdônansy ivelany sasantsasany (Kol. 2:16), nandà tamin' ny tenany ireo filana aranofo sasantsasany ary nidera an' ireo anjely (Kol. 2:18). Ireny fombafomba

ireny dia nahatsapan' ny Kolosiana fa nohamasinina izy ireo. Nahatsapa koa izy ireo fa izy ireo dia nahatakatra ireo misterin' ny tontolo tsaratsara kokoa noho ireo mpikambana hafa ao amin' ny Fiangonana. Nanitsy azy ireo i Paoly ao amin' ny taratasiny tamin' ny nampianarany fa ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' i Kristy ihany, ary tokony ho hendry sy hanompo Azy isika.

Toko 1: ny fiarahaban' i Paoly ny Kolosiana. Toko 2–3: fotopampianarana ary mirakitra ny filazana an' i Kristy ho Mpanavotra, ny loza ateraky ny fiderana diso ary ny maha-zavadehibe ny fitsanganana amin' ny maty. Toko 4 dia mampianatra fa tokony ho hendry amin' ny zava-drehetra ny olomasina.

KOMIBERAKY NY MPISORONA

Olona mitory teny sy mametraka ny tenany ho fahazavana ho an' izao tontolo izao mba hahazoany ny harena sy deran' izao tontolo izao; tsy mikatsaka ny foto-kevitr' i Ziona izy ireo (2 Ne. 26:29).

Andraso ny ondrin' Andriamanitra, mitandrema azy tsy an-tery, **1 Pet.** 5:2. Ireo fiangonana izay miorina mba hahazoana harena dia tsy maintsy haetry ambany, **1 Ne.** 22:23 (Môrm. 8:32–41). Noho ny komiberaky ny mpisorona sy ny heloka, dia homboana i Jesoa, **2 Ne.** 10:5. Raha ny komiberaky ny mpisorona no ampiharina eo anivon' ity vahoaka ity, dia hiafara amin' ny faharavany tanteraka izany, **Almà** 1:12. Ho feno amin' ny karazana komiberaky ny mpisorona rehetra ny Jentilisa, **3 Ne.** 16:10.

KOMÔRÀ, HAVOAN' I. *Jereo koa*

Bokin' i Môrmôna; Môrônia,
Zanakalahin' i Môrmôna; Smith,
Joseph, zanany

Havoana kely hita ao New York andre-fana, any Etazonian' i Amerika. Tao ilay mpaminany fahiny natao hoe Môrônia no nanafina ireo takela-

bolamena mirakitra ny sasany tamin' ny rakitsoratra ny firenena Nefita sy Jarèdita. Notarihin' i Môrônia, izay efa nitsangana tamin' ny maty, i Joseph Smith hankamin' izany havoana izany tamin' ny taona 1827 mba haka ireo takelaka sy handika ny ampahany taminy. Io dikanten' io no Bokin' i Môrmôna.

Niangona tao Komôrà ny Nefita, **Môrm.** 6:2–4. Komôrà dia teo amin' ny tanin' ny rano maro, **Môrm.** 6:4. Nafenin' i Môrmôna tao amin' ny Havoan' i Komôrà ireo rakitsoratra, **Môrm.** 6:6. Voavono teo Komôrà ny Nefita rehetra afa-tsy efatra amby roapolo, **Môrm.** 6:11. Renay ny vaovao mahafafy avy any Komôrà, **F&F** 128:20. Naka ireo takelaka avy tao amin' ny Havoan' i Komôrà i Joseph Smith, **JS—T** 1:42, 50–54, 59.

KÔRIANTOMIRA. *Jereo koa* Jarèdita

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna: mpanjakan' ny Jarèdita ary ilay hany sisa niangana tamin' ny firenena Jarèdita.

Hitan' ny vahoakan' i Zarahemla, **Ômn.** 1:21. Mpanjaka teo amin' ny tany manontolo, **Ete.** 12:1–2. Nobaboin' i Sareda ary nafahan' ireo zanakalahiny, **Ete.** 13:23–24. Niady tamin' ireo fahavalo samihafa, **Ete.** 13:28–14:31. Nibebaka, **Ete.** 15:3. Niady ny ady farany tamin' i Siza, **Ete.** 15:15–32.

KÔRIANTONA. *Jereo koa* Almà, Zanakalahin' i Almà

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanakalahin' i Almà, ilay zanakalahin' i Almà.

Nandeha tany amin' ny Zôramita, **Almà** 31:7. Nahafoy ny asa fanompoany mba hanaraka vehivavy janga, **Almà** 39:3. Nampianatra azy amin' ny toetry ny fahavelomana aorian' ny fahafatesana, ny fitsanganana amin' ny maty ary ny sorompanavotana, **Almà** 39–42. Voantso mba hitory indray, **Almà** 42:31. Nandeha sambo nankany amin' ny tany avaratra, **Almà** 63:10.

KÔRIHÔRA. *Jereo koa* Antikristy

Antikristy iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nitady famantarana ho porofon' ny herin' Andriamanitra. Nataon' ny Tompo tonga moana i Kôrihôra (Almà 30:6-60).

KORINTIANA, EPISTILY HO AN'

NY. *Jereo koa* Epistilin' i Paoly;
Paoly

Boky roa ao amin' ny Testamenta Vao-vao. Taratasy izay nosoratan' i Paoly ho an' ireo Olomasina tao Korinto izany tany am-piandohana mba handamina-na ny korontana teo anivony. Niaina tao amin' ny fiarahamonina izay ratsy fitsipi-pitondrantena ny Korintiana.

Korintiana Voalohany: Ny toko 1: dia mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy ny fisaorany. Toko 2-6: fanitsian' i Paoly ny hadisoan' ny Olomasina Korintiana. Toko 7-12: mirakitra ny valintenin' i Paoly ho an' ireo fanontaniana sasantsasany. Toko 13-15: momba ny fiantrana, ny fanomezam-pahasoa-vam-panahy ary ny fitsanganana amin' ny maty. Toko 16: mirakitra ny fananaran' i Paoly mba hiorina mafy amin' ny finoana.

Korintiana Faharoa: Ny toko 1: dia mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy ny fisaorany. Toko 2: mirakitra hafatra manokana ho an' i Titosy. Toko 3-7: mamaofivaofy ny herin' ny filazantsara eo amin' ny fiainan' ireo Olomasina sy ny mpitondra azy. Toko 8-9: Mananatra an' ireo Olomasina mba hanome am-pifaliana ho an' ny mahantra. Toko 10-12: fanantitranteran' i Paoly ny toerana maha-Apostoly azy. Toko 13: fananarana mba ho tonga tanteraka.

KORNELIO. *Jereo koa* Jentilisa;

Kapiteny; Petera

Kapiteny tao Kaisaria, nataon' i Petera batisa (Asa 10). Izy angamba no Jentilisa voalohany niditra ho mpikambana tao amin' ny Fiangonana sady tsy nanaraka ny Jodaisma talohan' izany. Ny fanaovana batisa an' i Kornelio

sy ny ankohonany dia nanamarika ny fisokafan' ny lalana ho an' ny fitoriana ny filazantsara tamin' ny Jentilisa. Petera, lohan' ny Apostoly izay niha-zona ireo fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra teto an-tany tamin' izany fotoana izany, no nitarika ny asa fitoriana.

KRISTIANA. *Jereo koa* Mpianatra;
Olomasina

Anarana nomena ireo mpino an' i Jesoa Kristy. Na dia efa mahazatra aza ny fampiasana io teny io manerana izao tontolo izao, ny Tompo kosa dia niantso ny mpianatra marin' i Kristy ho Olomasina (Asa 9:13, 32, 41; 1 Kor. 1:2; F&F 115:4).

Ireo mpianatra dia natao hoe Kristiana, **Asa** 11:26. Raha misy mijaly satria Kristiana dia aoka tsy ho menatra izy, **1 Pet.** 4:16. Noho ny fanekempihavanana dia hantsoina hoe zanak' i Kristy ianareo, **Môsià** 5:7. Ireo mpino marina dia nataon' ireo tsy mpikambana tamin' ny Fiangonana hoe Kristiana, **Almà** 46:13-16.

KRISTY. *Jereo* Jesoa Kristy**LABANA, ANADAHIN' I**

REBEKA. *Jereo koa* Rebeka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, anadahin' i Rebeka sady rain' i Lea sy i Rahely vadin' i Jakoba (Gen. 24:29-60; 27:43-44; 28:1-5; 29:4-29; 30:25-42; 31:1-55).

LABÀNA, MPITAHIRY NY

TAKELA-BARAHINA. *Jereo koa*
Takela-barahina

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ilay lehilahy izay nitahiry ireo takela-barahina tao Jerosalema tamin' ny andron' ny fianakavian' i Leha. Nandroba sy nanandrana namono an' i Nefia sy ny rahalahiny i Labàna (1 Ne. 3:1-27). Notarihin' ny Fanahy i Nefia hamono an' i Labàna mba hahazoana ireo take-laka (1 Ne. 4:1-26).

LAHIMATOAO. *Jereo koa* Fizokiana;
Jesoa Kristy

Tamin' ny fotoan' ireo patriarika fahiny, dia ny zanaka lahimatoa no nahazo ny fizokiana (Gen. 43:33) ary nitarika araka izany ny fianakaviana rehefa maty ny ray. Tsy maintsy mendrika ny hiantsoroka izany andraikitra izany ny lahimatoa (1 Tan. 5:1-2) ary mety hamery ny fizokiany izy noho ny tsy fahamarinana.

Araka ny lalàn' i Mosesy, ny zanaka lahimatoa dia noheverina ho fananan' Andriamanitra. Nahazo zara avo roa heny tamin' ny fananan-drainy izy (Deot. 21:17). Aorian' ny fahafatesan-drainy, dia izy no tompon' andraikitra amin' ny fiahiana ny reniny sy ny anabaviny.

Ny lahy amin' ny voalohan-teraky ny biby koa dia an' Andriamanitra. Ny biby madio dia natao fanatitra fa ny biby maloto kosa dia azo avotana, na amidy na vonoina ho faty (Eks. 13:2, 11-13; 34:19-20; Lev. 27:11-13, 26-27).

Ny lahimatoa dia tandindon' i Jesoa Kristy sy ny asa fanompoany teto antany sady fampahatsiahivana ny olona fa ho avy ilay Mesia Lehibe (Mos. 5:4-8; 6:63).

Jesoa no lahimatoa tamin' ny zanaka ara-panahin' ny Raintsika any andanitra, ny Zanaka Lahitokan' ny Ray tao amin' ny nofo ary santatr' ireo nodimandry izay natsangana tamin' ny maty (Kol. 1:13-18). Ireo Olomasina mahatoky dia tonga mpikambana ao amin' ny Fiangonan' ny Lahimatoa any amin' ny mandrakizay (F&F 93:21-22).

Ny voalohan-teraka amin' ny zanaka lahinao dia homenao ho Ahy, **Eks.** 22:29. Nohamasiniko ho Ahy ny voalohan-teraka rehetra eo amin' ny Isiraely, **Nom.** 3:13. Mba hahatonga Azy ho Lahimatoa amin' ny rahalahy maro, **Rom.** 8:29. Mitondra ny Lahimatoa ho eo amin' izao tontolo izao Izy, **Heb.** 1:6. Izy ireo no ireo izay Fiangonan' ny Lahimatoa, **F&F** 76:54, 94. Izany dia natolotra ahy avy amin' ireo raiko, dia ny zon' ny lahimatoa, **Abr.** 1:3.

LAHITOKANA. *Jereo koa* Ateraka;
Jesoa Kristy

Anarana iray hafa entin' i Jesoa Kristy. Izy no Zanaka Lahitokan' ny Ray (Lio. 1:26-35; Jao. 1:14; 3:16; 1 Ne. 11:18-20; 2 Ne. 25:12; Almà 7:10; 12:33; Mos. 7:62).

LAINGA. *Jereo koa* Fahamarinan-toetra; Fitaka; Fitenenan-dratsy

Rehefa mety ho filazana zava-tsymarina mba hoenti-mamitaka.

Aza mangalatra, aza mamitaka, aza mifandainga, **Lev.** 19:11. Halako ny lainga ka ataoko ho fahavetavetana, **Sal.** 119:163. Fahavetavetana eo imason' ny Tompo ny molotra mandainga, **Ohab.** 12:22. Oloko tokoa ireo, dia zanaka tsy mba handainga, **Isa.** 63:8. Ny devoly dia mpandainga ary rain' ny lainga, **Jao.** 8:44 (2 Ne. 2:18; Ete. 8:25; Mos. 4:4). Tsy nandainga tamin' olona fa tamin' Andriamanitra, **Asa** 5:4 (Almà 12:3). Raha misy manao hoe: tia an' Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy, **1 Jn.** 4:20. Ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany amin' ny fahafatesana faharoa, **Fan.** 21:8 (F&F 63:17). Lozan' ny mpandainga, fa hatsipy any amin' ny helo izy, **2 Ne.** 9:34. Hisy maro no hampianatra fotopampianarana diso izay milaza hoe: mandaingà kely fa tsy misy faharatsiana amin' izany, **2 Ne.** 28:8-9 (F&F 10:25). Moa va mihevitra ny tenanareo fa afaka mandainga amin' ny Tompo? **Almà** 5:17. Ianao dia Andriamanitry ny fahamarinana, ary tsy afaka mandainga, **Ete.** 3:12 (Nom. 23:19; 1 Sam. 15:29; Tito. 1:2; Heb. 6:18; Enô. 1:6). Izay mandainga ka tsy mibebaka dia horoahina hiala, **F&F** 42:21. Mandova voninahitra teletialy ny mpandainga, **F&F** 76:81, 103-106. Mino isika fa tokony ho marin-toetra, **Fp.** 1:13.

LALAMPANORENANA. *Jereo koa*
Fitondram-panjakana; Lalàna

Ny tondroina amin' ny hoe "ny Lalampanorenana" ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia

ny Lalampnanorenan' i Etazonia izay nomen' ny tsindrimandrin' Andriamanitra hanomanana ny lalana ho famerenana ho amin' ny laoniny ny filazantsara.

Tokony hotohanana ny lalampnanorenan' ny firenena, **F&F** 98:5–6. Nataon' ny Tompo izay hametrahana ny Lalampnanorenana, **F&F** 101:77, 80.

LALÀN' I MOSESY. *Jereo koa*

Fisoronana Aharôna; Lalàna;
Madio sy Tsy Madio; Mosesy

Nanome lalàna ny mpianakavin' i Isiraely tamin' ny alalan' i Mosesy Andriamanitra mba ho solon' ny lalàna ambony kokoa izay tsy hain' izy ireo nankatoavina. (Eks. 34; DJS, Eks. 34:1–2; DJS, Deot. 10:2). Ny lalàn' ny Mosesy dia ahitana fitsipika fototra sy didy, fombafomba sy fanao, ary sariohatra izay mampatsiahy ny olona ireo adidy sy andraikiny. Voarakitra ao anatiny ny lalàna ara-pitondrantena sy ara-pivavahana, ary koa ny didy sy asa ara-nofo—ka isan' izany ny sorona (Lev. 1–7)—izay natao hampahatsiahy azy ireo an' Andriamanitra sy ny adidiny Aminy (Môsià 13:30). Ny finoana, ny fibebahana, ny batisa anaty rano, ary ny famelana ny fahotana dia anisan' izany lalàna izany, toy izany koa ny didy folo sy ireo lalàna ambony ara-pitondrantena maro. Maro tamin' ireo lalàna sy fombafomba no tanteraka tamin' ny fahafatesana sy ny fitsanganan' i Jesoa Kristy izay namarana ny sorona fandatsahan-dra (Almà 34:13–14). Notantani-na teo ambanin' ny Fisoronana Aharôna ny lalàna izay filazantsara fiomanana hitondra ny mpanaraka azy ho any amin' i Kristy.

Homeko azy ireo toy ny tamin' ny voalohany ny lalàna, saingy izany dia ho araka ny lalan' ny didy ara-nofo, **DJS, Eks.** 34:1–2. Ny lalàna dia mpitaiza antsika ho any amin' i Kristy, **Gal.** 3:19–24. Mitandrina ny lalàn' i Mosesy isika sady miandrindra an' i Kristy amin' ny fiorenana mafy, **2 Ne.** 25:24–30. Tsy

tonga amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy samirery ny famonjena, **Môsià** 12:27–13:32. Ao Amiko no tanteraka ny lalàn' i Mosesy, **3 Ne.** 9:17. Ny lalàna izay nomena an' i Mosesy dia manampiafarana ao Amiko **3 Ne.** 15:1–10. Noho ny tsy fankatoavana dia nalain' Andriamanitra tsy ho eo anivon' ny zanak' i Isiraely i Mosesy sy ny fisoronana ka nosoloany lalàn' ny didy aranofo, **F&F** 84:23–27.

LALÀN' NY FANOKANANA. *Jereo* Manokana

LALANA. *Jereo koa* Jesoa Kristy;
Mandeha, Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra

Ny soritra na dia arahin' ny olona. Nilaza i Jesoa fa Izy no lalana (Jao. 14:4–6).

Tandremo ny didin' ny Tompo mba handehananana amin' ny lalany, **Deot.** 8:6. Zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza, **Ohab.** 22:6 (2 Ne. 4:5). Nilaza Andriamanitra fa ny lalany dia avo noho ny lalantsika, **Isa.** 55:8–9. Ety ny vavahady ary tery ny lalana izay mankany amin' ny fiainana, **Mat.** 7:13–14 (3 Ne. 14:13–14; 3 Ne. 27:33; **F&F** 132:22, 25). Andriamanitra dia hanisy lalana mba hahafahanareo amin' ny fakam-panahy, **1 Kor.** 10:13. Fa tsy manome didy ho an' ny zanak' olombelona ny Tompo raha tsy efa nanomana lalana ho azy, **1 Ne.** 3:7 (1 Ne. 9:6; 17:3, 13). Ary tsy misy lalan-kafa afa-tsy ny vavahady, **2 Ne.** 9:41. Afaka manao araka ny sitraponareo ianareo—na hifidy ny lalan' ny fahafatesana mandrakizay na ny lalàn' ny fiainana maharitra mandrakizay, **2 Ne.** 10:23. Izany no lalana; ary tsy misy lalana na anarana hafa, **2 Ne.** 31:21 (Môsià 3:17; Almà 38:9; Hel. 5:9). Tao amin' ny fanomezana ny Zanany no efa nomanin' Andriamanitra ny lalana tena tsara indrindra, **Ete.** 12:11 (1 Kor. 12:31). Samy mandeha amin' ny lalany avy ny olona tsirairay, **F&F** 1:16. Tsy maintsy ilaina ny hanaovana izany araka ny fombako, **F&F** 104:16.

LALÀNA. *Jereo koa* Didin'

Andriamanitra; Fitahiana; Lalàn' i Mosesy; Mankatò

Ireo didy na fitsipik' Andriamanitra izay ifotoran' ny fitahiana sy ny famaizana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany. Ireo izay mankatò ny lalàn' Andriamanitra dia mandray ireo fitahiana nampanantenaina. Nampianarin' ny mpaminany Joseph Smith fa tokony hankatò; hanaja ary hanohana ny lalàn' ny tany ny olona (Fp. 1:12)

Ny lalàn' i Mosesy dia lalàna fiomanana hitondra ny olona na lahy na vavy mankany amin' i Kristy; lalàn' ny fameperana, ny fibaikoana ary ny ôrdônansy. Ankehitriny, ny lalàn' i Kristy, izay manatanteraka ny lalàn' i Mosesy no fahafenoan' ny filazantsara na "ny lalàna tanteraka dia ny lalàn' ny fahafahana" (Jak. 1:25).

Nomen' Andriamanitra didy i Adama, **Gen.** 1:28; 2:16–17. Nomen' Andriamanitra lalàna i Noa, **Gen.** 9:1. Tsy misy tsiny ny lalàn' i Jehovah, mame-lombelona ny fanahy, **Sal.** 19:7. Ny Tompo no mpanome lalàna antsika, **Isa.** 33:22. Iray ihany no mpanome lalàna, **Jak.** 4:12. Amin' izay tsy misy lalàna dia tsy misy famaizana, **2 Ne.** 9:25. Misy ny lalàna nomena, **Almà** 42:17–22. Hotsaraina araka ny lalàna ny olona, **Almà** 42:23. I Kristy no lalàna, **3 Ne.** 15:9. Ny lalàna rehetra dia ara-panahy, **F&F** 29:34. Nandray ny lalàn' ny fiangonana tamin' ny alalan' ny fanambarana i Joseph Smith, **F&F** 42. Izay mitandrina ny lalàn' Andriamanitra dia tsy tokony handika ny lalàn' ny tany, **F&F** 58:21. Ny fahazavan' i Kristy no lalàna izay mitantana ny zava-drehetra, **F&F** 88:7–13. Efa nomeny ho an' ny rehetra ny lalàna, **F&F** 88:42–43. Tokony hitandrina ny lalàn' ny tany ny olona, **F&F** 98:4–5. Rehefa mahazo fitahiana avy amin' Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna **F&F** 130:20–21. Nanambara ny finoany manoloana ny lalàm-panjakana ny fiangonana, **F&F** 134. Ny olombelona

dia vonjena amin' ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin' ny filazantsara, **Fp.** 1:3.

LAMÀNA. *Jereo koa* Lamanita;

Lehia, Rain' i Nefia

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zana-ka lahimatoan' i Leahia sy i Saria sady zoky lahimatoan' i Nefia (1 **Ne.** 2:5). Nisafidy hanao ny ratsy fa tsy ny tsara i Lamàna tamin' ny ankapobeny.

Nimonomonona tamin' ny rainy i Lamàna, **1 Ne.** 2:11–12. Nikomy tamin' i Nefia marina rahalahiny, **1 Ne.** 7:6 (1 **Ne.** 3:28–29). Tsy nihinana tamin' ny hazon' aina tao amin' ny fahitan' i Leahia, **1 Ne.** 8:35–36. Nianjeran' ny ozona i Lamàna sy ireo mpanaraka azy, **2 Ne.** 5:21 (Almà 3:7).

AMANITA. *Jereo koa* Bokin' i

Môrmôna; Lamàna; Nefita

Andian' olona ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay taranak' i Lamàna lahimatoan' i Leahia ny ankamaroany. Nahatsiaro tena ho nofitahin' i Nefia sy ny taranany izy ireo (Môsià 10:11–17). Vokat' izany dia nikomy tamin' ny Nefita izy ary nitsipaka matetika ny fampianaran' ny filazantsara. Na izany aza, fotoana fohy nialoha ny nahaterahan' i Jesoa Kristy, dia nandray ny filazantsara ny Lamanita ary tonga marina kokoa noho ny Nefita (Hel. 6:34–36). Roanjato taona taorian' ny namangian' i Kristy an' i Amerika, dia samy lasa ratsy fanahy na ny Lamanita na ny Nefita ka nanomboka nifandrafitra ady. Tokony ho 400 taona taorian' i Kristy, dia nofongoran' ny Lamanita tanteraka ny firenena Nefita.

Nandresy ny taranak' i Nefia ny Lamanita, **1 Ne.** 12:19–20. Nankahala ny Nefita ny Lamanita, **2 Ne.** 5:14. Ho karavasy ho an' ny Nefita ny Lamanita, **2 Ne.** 5:25. Hampody ny Lamanita amin' ny fahalalana ny razany sy ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ny Bokin' i Môrmôna, **2 Ne.** 30:3–6 (pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna). Sisa tavela amin' ny Jiosy ny Lamanita, **F&F** 19:27.

Hamony tahaka ny raozy ny Lamanita mialohan' ny hahatongavan' ny Tompo, **F&F** 49:24.

LAMINA MIRAY. *Jereo koa*
Manokana

Fandaminana izay tamin' ny alalany no nikatsahan' ireo olomasina tany am-piandohan' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny hiainana ny lalànan' ny fanokanana. Ny tsirairay dia nifampizara ny fananany, ny entam-barony, ary ny tombony, ka nandray ireo zavatra ireo araka izay notadiaviny sy nilainy (**F&F** 51:3; 78:1–15; 104).

Hitovy ianareo raha ny amin' ny zavatreo eo amin' izao fiainana izao, **F&F** 70:14. Tokony halamina mba hitovy ny olomasina amin' ny zavatrehetra, **F&F** 78:3–11 (**F&F** 82:17–20). Nomen' ny Tompo ny lamina miray ny fanambarana sy ny didy, **F&F** 92:1. Tokony hikambana ao amin' ny lamina iray i John Johnson, **F&F** 96:6–9. Nanome toromarika ankapobeny ny amin' ny ho fiasan' ny lamina miray ny Tompo, **F&F** 104. Tsy miray hina araka ny firaisan-kina takin' ny lalàn' ny fanjakana selestialy ny oloko, **F&F** 105:1–13.

LAMÔNIA. *Jereo koa* Amôna,
Zanakalahin' i Mosià

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpanjaka Lamanita izay niova fo tamin' ny alalan' ny Fanahin' ny Tompo mbamin' ny asa sy ny fampianarana ombam-panahy nataon' i Amôna (**Almà** 17–19).

LANITRA. *Jereo koa* Fanjakan'
Andrimanitra na Fanjakan' ny
Lanitra; Paradisa; Voninahitra
Selestialy

Manana ventin-kevitra roa ny teny hoe *lanitra* ao amin' ny soratra masina. (1) Toerana izay onenan' Andriamanitra ary fonenan' ireo Olomasina amin' ny hoavy (**Gen.** 28:12; **Sal.** 11:4; **Mat.** 6:9). (2) Ny habakabaka manodidina

ny tany (**Gen.** 1:1, 17; **Eks.** 24:10). Mazava tsara fa ny lanitra dia tsy ny *paradisa* izay toeram-ponenana mandritra ny fotoana voafetra ho an' ireo fanahy mahatoky izay efa nonina sy maty teto amin' ity tany ity. Nitsidika ny paradisa i Jesoa taorian' ny nahafatesany teo amin' ny hazofijaliana, nilaza tamin' i Maria anefa Izy tamin' ny andro fahatelo fa tsy mbola tany amin' ny Ray (**Lio.** 22:39–44; **Jao.** 20:17; **F&F** 138:11–37).

Jereko ny lanitra izay asan' ny rantsantananao, **Sal.** 8:3. Ny tenin' ny Tompo no nanaovana ny lanitra, **Sal.** 33:6. Endrey! latsaka avy tany an-danitra ianao ry Losifera! **Isa.** 14:12 (2 **Ne.** 24:12). Hahorona tahaka ny horonantaratsy ny lanitra, **Isa.** 34:4. Izaho mahary ny lanitra vaovao sy tany vaovao, **Isa.** 65:17. Hovohan' Andrimanitra ny varavaran' ny lanitra, **Mal.** 3:10. Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny Anaranao, **Mat.** 6:9 (3 **Ne.** 13:9). Nakarina tany amin' ny lanitra fahatelo i Paoly, **2 Kor.** 12:2. Nisy fahanginana tany an-danitra, **Fan.** 8:1 (**F&F** 88:95–98). Raha mitoetra ho mahatoky hatramin' ny farany izy ireo dia raisina any an-danitra, **Môsià** 2:41. Mba ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo, **3 Ne.** 12:45. Ho avy eny amin' ny rahon' ny lanitra Aho, **F&F** 45:16. Nalaina ho any an-danitra, tsy nanandrana fahafatesana i Elia, **F&F** 110:13. Ireo zon' ny fisoronana dia mifamatotra amin' ny herin' ny lanitra, **F&F** 121:36. Misy karazan' olona roa any an-danitra, **F&F** 129:1. Nampakarina ho any an-danitra i Ziona, **Mos.** 7:23.

LAZAROSY. *Jereo koa* Maria avy
any Betania; Marta

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, ny anadahin' i Marta sy Maria. Natsangan' i Jesoa tamin' ny maty izy (**Jao.** 11:1–44; 12:1–2, 9–11). Samy hafa izy sy ilay Lazarosy mpangataka ao amin' ny fanoharana iray nampianarin' i Jesoa (**Lio.** 16:19–31).

LEA. *Jereo koa* Jakoba, Zanakalahin' i Isaka; Labana, Anadahin' i Rebeka.

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanaka vavimatoan' i Labana ary iray amin' ireo vadin' i Jakoba (Gen. 29). Nitera-ka zazalahy enina sy zazavavy iray i Lea (Gen. 29:31–35; 30:17–21).

LEHIA, MISIÔNERA NEFITA.

Jereo koa Helamàna, Zanakalahin' i Helamàna

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanakalahin' i Helamàna, izay zanakalahin' i Helamàna. Misiônera malaza i Lehia (Hel. 3:21; 4:14).

Nantsoina hoe Lehia ho fahatsiarovana ny razam-beny, **Hel.** 5:4–6. Nanova fo maro niaraka tamin' i Nefia, naiditra am-ponja, nohodidin' ny afo, ary niresaka tamin' ny anjely, **Hel.** 5:14–48. Nahazo fanambarana maro isan' andro, **Hel.** 11:23.

LEHIA, MPITARI-TAFIKA NEFITA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpitari-tafika Nefita (Almà 43:35–53; 49:16–17; 52:27–36; 53:2; 61:15–21).

LEHIA, RAIN' I NEFIA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpaminany hebreo izay nitarika ny fianakaviany sy ireo mpanaraka azy avy ao Jerosalema nankany amin' ny tany nampanantenaina any amin' ny ilambolan-tany andrefana, tokony ho 600 talohan' i j.k.. I Lehia no mpaminany voalohany teo anivon' ny vahoakany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Nandositra an' i Jerosalema niaraka tamin' ny fianakaviany i Lehia rehefa nodidian' ny Tompo (1 Ne. 2:1–4). Taranak' i Josefa izay namidy tany Egipta izy (1 Ne. 5:14). Nanome azy fahitana ny amin' ny hazon' aina ny Tompo (1 Ne. 8:2–35). Nanamboatra sambo i Lehia sy ny zanany ary niantsambo ho any amin' ny ilambolan-tany andrefana (1 Ne. 17–18). Niorim-ponenana tao amin' ny tany vaovao izy sy ny taranany (1 Ne.

18:23–25). Talohan' ny nahafatesany, dia nitsodrano ireo zananilahy i Lehia ary nampianatra azy ny amin' i Kristy sy ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna amin' ny andro farany (2 Ne. 1–3, 4:1–12).

Ny bokin' i Lehia: Nanomboka tamin' ny bokin' i Lehia i Joseph Smith fony izy nandika ny Bokin' i Môrmôna. Izany dia rakitsoratra izay nofintinin' i Môrmôna avy amin' ny takelak' i Lehia. Rehefa nahazo takila sora-tanana miisa 116 pejy nadikany tamin' ny bokin' i Lehia i Joseph, dia nanome ireo takila an' i Martin Harris izay mpitantsonatr' i Joseph nandritra ny fotoana fohy tamin' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna. Very ireo takila avy eo. Tsy namerina nandika ny bokin' i Lehia intsony i Joseph mba hanoloana ireo takila very, fa kosa nandika rakitsoratra mitovy aminy avy eo amin' ireo takela-bolamena (jereo ny fampidirana ao amin' ny F&F 3, 10). Ireo rakitsoratra hafa ireo no boky enina voalohany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ankehitriny.

LEHILAHIN' NY FAHAMASINA-

NA. *Jereo koa* Andriamanitra; Ray any an-danitra; Zanak' Olona

Anarana iray hafa entin' Andriamanitra Ray (Mos. 6:57).

LEHILAHY. *Jereo* Olona

LELA. *Jereo koa* Fiteny, Fanomezam-pahasoavana amin' ny

Enti-maneho ny teny. Tokony hifehy ny lelany ny olomasina, izany hoe tokony hitandrina izay teneniny izy. Ny *lela* dia entina milaza fiteny sy vahoaka ihany koa. Amin' ny farany, ny lohalika rehetra handohalika ary ny lela rehetra hidera an' Andriamanitra (Isa. 45:23; Rom. 14:11).

Arovy ny lelanao amin' ny ratsy, **Sal.** 34:13 (1 Pet. 3:10). Izay miambina ny vavany sy ny lelany dia miaro ny fanahiny tsy ho azom-pahoriana, **Ohab.** 21:23. Raha misy tsy mamehy

ny vavany, dia zava-poana ny fivavahany, **Jak.** 1:26. Raha misy olona tsy mba tafintohina amin' ny teny, dia izy no lehilahy tanteraka, **Jak.** 3:1–13. Hotoriana amin' ny firenena sy ny foko sy ny samihafa fiteny ary ny mponina rehetra ny filazantsara, **Fan.** 14:6–7 (2 Ne. 26:13; Môsià 3:13, 20; F&F 88:103; 112:1). Ny Tompo dia manome ny firenena rehetra olona avy amin' ny firenena sy ny fiteniny avy ihany mba hampianatra ny teniny, **Almà** 29:8. Handeha any amin' ny firenena, ny foko, sy ny samihafa fiteny ary ny mponina ireto takelaka ireto, **Almà** 37:4. Katsaho aloha ny hanana ny teniko, ary amin' izay dia hovahana ny lelanao, **F&F** 11:21. Handre ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny teniny ihany ny olona tsirairay, **F&F** 90:11.

LEMOELA. *Jereo koa* Lamàna; Lamanita; Lehia, Rain' i Nefia

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, faharoa amin' ny zanakalahin' i Lehia ary iray amin' ireo zokin' i Nefia. Niaraka tamin' i Lamàna nanohitra an' i Nefia.

Nananatra an' i Lemoela i Lehia mba haharitra tahaka ny lohasaha, **1 Ne.** 2:10. Tezitra tamin' i Nefia izy ka nihaino an' i Lamàna, **1 Ne.** 3:28. Noraisina ho isan' ny Lamanita ireo Lemoelita, **Jkb.** 1:13–14 (**Almà** 47:35).

LEVITIKOSY. *Jereo koa* Pentateoka

Boky ao amin' ny Testamenta Taloha izay milaza ny andraikitry ny mpisorona eo amin' ny Isiraely. Hamafisiny ny fahamasinan' Andriamanitra sy ireo lalàna arahina mba hahatonga ny olona ho masina. Ny tanjony dia ny hampianatra amin' ny alalan' ny fombafomba ireo fitsipika ara-pitondrantena sy ireo fahamarinana ara-pivavahana ao amin' ny lalàn' i Mosesy. I Mosesy no nanoratra ny bokin' ny Levitikosy.

Toko 1–7: manazava ny fanaovan-tsorona. Toko 8–10: manoritsoritra ny fombafomba arahina amin' ny fanokanana mpisorona. Toko 11: milaza ny

zavatra azo hanina na tsia, ary koa ny zavatra madio sy tsy madio. Toko 12: miresaka ny amin' ny vehivavy terabao. Toko 13–15: lalàna momba ny fahalotoana ara-pombafomba. Toko 16: mirakitra ny fombafomba arahina amin' ny andro fanavotana. Toko 17–26: mirakitra fehezan-dalàna momba ny fanao ara-pivavahana sy ara-piaramonina. Toko 27: manazava fa ny Tompo dia mandidy ny Isiraely hano-kana ny vokatra sy ny biby fiompiny ho an' ny Tompo.

LEVY. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahy fahatelon' i Jakoba sy i Lea (Gen. 29:34; 35:23). Lasa rain' ny anankiray amin' ny fokon' i Isiraely i Levy.

Ny fokon' i Levy: Nitsodrano an' i Levy sy ny taranany i Jakoba (Gen. 49:5–7). Nanompo teo amin' ireo fitoeramasin' i Isiraely ny taranak' i Levy (Nom. 1:47–54). Levita i Aharôna, ary mpisorona ny taranany (Eks. 6:16–20; 28:1–4; 29). Nanampy ireo mpisorona izay zanakalahin' i Aharôna ny Levita (Nom. 3:5–10; 1 Mpan. 8:4). Nitendry ny zava-maneno izy ireo indraindray (1 Tan. 15:16; Neh. 11:22); namono ny fanatitra (2 Tan. 29:34; Ezra 6:20); ary mazàna nanampy tao amin' ny tempoly (Neh. 11:16). Notendrena tamin' ny fanompoana ny Tompo ny Levita mba hanatanteraka ireo ôrdônansy ho an' ny zanak' i Isiraely. Ny Levita koa dia natolotra ho solon' ny zanak' Isiraely (Nom. 8:11–22); Noho izany izy ireo dia nanjary fananan' Andriamanitra manokana izay nomena Azy ho solon' ny lahimatea (Nom. 8:16). Tsy natokana izy saingy nodiovina kosa ho amin' ny asany (Nom. 8:7–16). Tsy nanana tany lova tao Kanana izy (Nom. 18:23–24), saingy nandray ny fahafolonkarena (Nom. 18:21), tanàna valo amby efapolo (Nom. 35:6), ary zo handray ny fano-mezan' ny olona amin' ny fotoampifaliana (Deot. 12:18–19; 14:27–29).

LIAHÔNA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, bola varahina misy sahaza roa izay manondro lalana, toy ny kômpà—ary koa nanome toromarika ara-panahy an' i Leahia sy ireo mpanaraka azy rehefa nanao ny marina izy ireo. Nanome ny Liahôna ny Tompo ary nanome toromarika tamin' ny alalany.

Nahita bola varahina nisy sahaza roa izay nanondro ny lalana tokony han-dehanany miaraka amin' ny fianakaviany i Leahia, **1 Ne.** 16:10. Niasa araka ny finoana sy ny faharisihana ny bola, **1 Ne.** 16:28–29 (Almà 37:40). Nomen' i Benjamîna an' i Môsià ny bola, **Môsià** 1:16. Ny Liahôna no niantsoana ny bola na mpitari-dàlana, **Almà** 37:38. Nampitahaina tamin' ny tenin' i Kristy ny Liahôna, **Almà** 37:43–45. Hahita ny mpanondro lalana nomena an' i Leahia ireo vavolombelona telon' ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 17:1.

LIMIA. *Jereo koa* Noà, Zanakalahin' i Zenifa

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ilay mpanjaka marina teo amin' ny Nefita, tao an-tanin' i Nefia. Izy dia zanakalahin' ny mpanjaka Noà (Môsià 7:7–9). Nanao fanekempihavanana hanompo an' Andriamanitra ny mpanjaka Limia (Môsià 21:32). Izy no nitondra ny vahoakany niala tamin' ny famatoran' ny Lamanita sy niverina tany Zarahemlà (Môsià 22).

LIOKA. *Jereo koa* Asan' ny Apostoly; Filazantsara

Mpanoratra ny Filazantsaran' i Lioka sy ny bokin' ny Asan' ny Apostoly ao amin' ny Testamenta Vaovao sady mpiara-mitovy tamin' i Paoly ny Filazantsara. Zanaka Grika izy ary mpitsabo (Kol. 4:14). Avara-pianarana i Lioka. Nilaza ny tenany ho mpiaramitovy tamin' i Paoly Apostoly izy raha nanatratra an' i Paoly tany Troasy (Asa 16:10–11). Niaraka tamin' i Paoly tany Filipino i Lioka tamin' ny

dian' i Paoly farany nankany Jerosalema (Asa 20:6), ary niaraka izy roalahy mandra-pahatongany tany Rôma. Niaraka tamin' i Paoly koa i Lioka nandritra ny figadran' i Paoly fanindroany tany Rôma (2 Tim. 4:11). Maty maritiora izy araka ny lovan-tsofina.

Ny Filazantsaran' i Lioka: Fitantarana nataon' i Lioka momba an' i Jesoa Kristy sy ny fanompoany teto an-tany. Ny bokin' ny Asan' ny Apostoly dia tohin' ny Filazantsaran' i Lioka. Namela asa soratra vita tsara momba ny fanompoan' i Jesoa i Lioka, ka nanolotra an' i Jesoa ho Mpamonjy ny Jiosy sy ny Jentilisa. Nanoratra maro momba ny asa sy ny fampianaran' i Kristy izy. Ao amin' ny Lioka no hany ahitantsika fitantarana ny famangian' ny anjely Gabriela an' i Zakaria sy Maria (Lio. 1); ny famangian' ireo mpiandry ondry an' i Jesoa zazakely (Lio. 2:8–18); i Jesoa tao amin' ny tempoly fony izy roa ambin' ny folo taona (Lio. 2:41–52); ny fanendrena sy fanirahana ny fitopololahy (Lio. 10:1–24); i Jesoa nivoa-dinitra ra (Lio. 22:44); i Jesoa niresaka tamin' ilay jiolahy teo amin' ny hazo fijaliana (Lio. 23:39–43); ary i Jesoa nihinana trondro sy tantely taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty (Lio. 24:42–43).

Ny amin' ny indray mitopy maso isaky ny toko, jereo “Filazantsara”.

LOHOLONA. *Jereo koa* Fisoronana; Fisoronana Melkizedeka

Ampiasaina amin' ny lafiny samihafa ny teny hoe *lohologna* ao amin' ny Baiboly. Ao amin' ny Testamenta Taloha dia mazàna ireo lehilahy zokiolona ao amin' ny fokom-pirenena iray no tondroin' izany, ireo izay matetika nampandraiketina ny raharaham-panjakana (Gen. 50:7; Jos. 20:4; Rota 4:2; Mat. 15:2). Ny taonany sy ny fiainana nodiaviny dia nahatonga ny toroheviny ho nanan-danja. Tsy voatery ho nitana toerana tao amin' ny andraikitra ny fisoronana izy ireny.

Nisy koa ireo lohologna natokana ho an' ny Fisoronana Melkizedeka tamin'

ny fotoan' ny Testamenta Taloha (Eks. 24:9–11). Voalaza ho anjara fanompoan' ny fisoronana ao amin' ny Fiangonana ny loholona ao amin' ny Testamenta Vaovao (Jak. 5:14–15). Teo anivon' ny Nefita dia nisy koa ireo loholona natokana ho amin' ny fisoronana (Almà 4:7, 16; Môrô. 3:1). Amin' izao fotoam-pitantanana izao dia i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery no loholona voalohany natokana (F&F 20:2–3).

Loholona ankehitriny no anarana omena an' ireo rehetra mihazona ny Fisoronana Melkizedeka. Ny lehilahy manao asa fitoriana ohatra dia atao hoe loholona. Ny Apostoly koa dia loholona ary mety ny hiantsoana an' ireo mpikambana ao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy na ny Kôlejin' ny Fitopololahy amin' izany anarana izany (F&F 20:38; 1 Pet. 5:1). Efa nomena ao amin' ny fanambaran' ny Andro Farany ny adidin' ireo izay voatokana ho loholona ankehitriny (F&F 20:38–45; 42:44; 46:2; 107:12).

Nanoratra ho an' ireo loholona rehetra amin' i Isiraely i Mosesy, **Deot.** 31:9. Nandefa fanampiana ho an' ireo loholon' ny Fiangonana i Barnabasy, **Asa** 11:30. Nanokana loholona ny isampiangonana, **Asa** 14:23 (Tito. 1:5). Nantsoina ny loholona hivavaka ho an' ny marary, **Jak.** 5:14. Natokana tamin' ny alalan' ny fametrahana-tana ireo loholona, **Almà** 6:1. Tokony hitso-drano ny ankizy ny loholona, **F&F** 20:70. Tokony hitarika ny fivoriana amin' ny alalan' ny Fanahy Masina ny loholona, **F&F** 46:2. Tokony hanao tatitra ny amin' ny fitantanan-draharahany ny loholona, **F&F** 72:5. Tokony hitory ny filazantsara amin' ireo firenena ny loholona, **F&F** 133:8.

LOSIFERA. *Jereo koa* Antikristy;
Devoly; Helo; Mpandringana;
Zanaky ny Fahaverezana

Anarana midika hoe ilay mampirapiratra na mpitondra hazavana. Fantatra koa amin' ny anarana hoe Zanaky ny maraina izy. Fanahy iray zanaky ny Ray any an-danitra i Losifera, ary

nitarika fikomiana tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana. Indray mandeha monja no ahitana ny anarana hoe Losifera ao amin' ny Baiboly. (Isa. 14:12). Mitantara antspiriany kokoa momba ny fianjeran' i Losifera ny fanambaran' ny andro farany (F&F 76:25–29).

Nianjera i Losifera tamin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana **Isa.** 14:12 (Lio. 10:18; 2 Ne. 24:12). Lasa Satana sy devoly izy taorian' ny nianjerany, **F&F** 76:25–29 (Mos. 4:1–4).

LOTA. *Jereo koa* Abrahama

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Harana sady zanadralahin' i Abrahama, (Gen. 11:27, 31; Abr. 2:4). Maty noho ny mosary tany Ora i Harana (Abr. 2:1). Nandao an' i Ora niaraka tamin' i Abrahama sy Saraha i Lota ary nandeha niaraka taminy tany Kanana (Gen. 12:4–5). Nisafidy ny hiaina tao Sodoma i Lota. Nandefa iraka ny Tompo hampitandrina an' i Lota handositra an' i Sodoma talohan' ny nandravan' ny Tompo izany noho ny faharatsian' ny olona (Gen. 13:8–13; 19:1, 13, 15). Niherika teo ivohony nijery ny fandravana anefa ny vadin' i Lota ka tonga vongan-tsira (Gen. 19:26). Mirakitra an-dalana momba an' i Lota ny Testamenta Vaovao (Lio. 17:29; 2 Pet. 2:6–7). Voatantara ao amin' ny Genesisy 13, 14, ary 19 ny tantaram-piainany taorian' ny nisarahany tamin' i Abrahama.

LOTO. *Jereo* Fahalotoana

MADIO. *Jereo koa* Fanamasinana;
Madio sy Tsy Madio

Afaka amin' ny fahotana na heloka; tsisy tsiny. Lasa madio ny olona iray rehefa madio amin' ny lafiny rehetra ny fisainany sy ny ataony. Ny olona izay efa nanota dia afaka ho tonga madio amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ary ny fandraisana ireo ôrdônansin' ny filazantsara.

Izay madio tanana sy mahitsy fo no

handray fitahiana amin' ny Tompo, **Sal.** 24:3–5. Madiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo, **Isa.** 52:11 (F&F 133:4–5). Sambatra ny madio am-po, **Mat.** 5:8 (3 Ne. 12:8). Na inona na inona madio, dia hevero izany, **Filip.** 4:8 (Fp. 1:13). Ianareo rehetra izay madio am-po, andrandrao ny lohanareo ary raiso ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, **Jkb.** 3:2–3. Moa va ho afaka hiandrandra an' Andriamanitra ianareo amin' izany andro izany amin' ny fo mahitsy sy ny tanana madio? **Almà** 5:19. Madio sy tsisy pentina eo anatrehan' Andriamanitra izy ireo, ka tsy afaka ny hihevitra ny fahotana afa-tsy amin' ny rikoriko, **Almà** 13:12. Madiova tahaka an' i Kristy izay madio, **Môrô.** 7:48 (Môrm. 9:6). Hitahiry ho an' ny tenany vahoaka madio i Kristy, **F&F** 43:14. Nodidian' ny Tompo ny hano-renana trano ao Ziona izay hahitan' ny madio an' Andriamanitra, **F&F** 97:10–17. I Ziona dia izao—ny madio am-po, **F&F** 97:21.

MADIO SY TSY MADIO. *Jereo koa*

Fahadiovana; Fahalotoana;

Lalàn' i Mosesy

Ao amin' ny Testamenta Taloha dia nambaran' ny Tompo tamin' i Mosesy sy ireo Isiraelita fahiny fa ny sakafo sasantsasany ihany no noheverina ho madio, na amin' ny teny hafa, azo hanina. Ny fanavahana nataon' ny Isiraelita teo amin' ny hanina madio sy tsy madio dia nisy akony lehibe teo amin' ny fiainany ara-pivavahana sy ara-piaraha-monina. Noheverina ho madio ka nekena ny hihinanana ny biby sasantsasany, ny vorona ary ny trondro raha ny hafa kosa dia tsy madio sady noraràna (Lev. 11; Deot. 14:3–20). Noheverina koa ho tsy madio ny olona narary sasantsasany.

Amin' ny heviny ara-panahy, ny hoe madio dia afaka amin' ny ota sy ny fanirian-dratsy Amin' izay heviny izay no ampiasaina ny teny mba hila-zana ny olona manana hatsaram-panahy sy fo mahitsy (Sal. 24:4). Ny vahoakan' ny fanekempihavanan' An-

driamanitra dia nahazo mandrakariva ny toromarika manokana mba hadio (3 Ne. 20:41; F&F 38:42; 133:5).

Izay manana tanana madio sy mahitsy fo no hiakatra eo an-tendrombohitry ny Tompo, **Sal.** 24:3–5. Aza atao hoe fady na tsy madio ny olona, **Asa** 10:11–28. Moa va ho afaka hiandrandra an' Andriamanitra ianareo amin' izany andro izany amin' ny fo mahitsy sy ny tanana madio? **Almà** 5:19. Hanafay an' i Ziona ny Tompo mandra-pahatonga azy ho madio, **F&F** 90:36. Aoka hadio ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo, **F&F** 133:4–5, 14 (Isa. 52:11).

MAGOGA. *Jereo koa* Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany; Goga

Ao amin' ny Baiboly, tany sy mponina akaikin' ny Ranomasina mainty. I Goga mpanjakany no hitarika ny tafik' i Magoga amin' ny ady lehibe farany mialoha ny fiavian' i Kristy fanindroany (Ezek. 38:2; 39:6). Ny Soratra Masina dia miresaka ny amin' ny ady lehiben' i Goga sy Magoga iray hafa izay hifanatrehan' ny herin' Andriamanitra sy ny herin' ny devoly amin' ny faran' ny Arivotaona (Fan. 20:7–9; F&F 88:111–116).

MAHA ANDRIAMANITRA, NY.

Jereo Fiainana Mandrakizay;
Fisandratana; Olona—Olona,
manan-kery ho tonga tahaka ny
Ray any an-danitra

MAHA-ANDRIAMANITRA AN' ANDRIAMANITRA. *Jereo* Andriamanitra

MAHA-TOMPON' ANDRAIKITRA. *Jereo* Ampamoahina, Ampamoaka

MAHA-TOMPON' ANDRAIKITRA, TAONA. *Jereo* Ampamoahina, Ampamoaka; Ankizy; Zanakà; Batisa—Tsy natao ho an' ny zaza ny batisa; Batisan' ny zaza

MAHANTRA. *Jereo koa* Asa
Fanasoavana; Fanampiana;
Fanatitra; Fanetren-tena;
Fifadian-kanina

Ao amin' ny Soratra Masina, *ny mahantra* dia enti-milaza (1) ny olona izay tsy manana ny zavatra ilaina andavanandro toy ny sakafo, ny akanjo, ary ny fialofana, na (2) ny olona izay manetry tena sady tsy miavona.

Mahantra ara-pananana: Aza manakombona ny tananao amin' ny rahalahinao malahelo, **Deot.** 15:7. Noho ny fireharehan' ny ratsy fanahy, dia enjehiny mafy ny malahelo, **Sal.** 10:2. Tsy hanan-java-mahory izay manome ny malahelo, **Ohab.** 28:27. Ento ao an-tranonao ny ory, **Isa.** 58:6-7. Raha tia ho tanteraka hianao, omeo ny mahantra, **Mat.** 19:21 (Mar. 10:21; Lio. 18:22). Tsy efa nofidin' Andriamanitra va ny malahelo amin' izao fiainana izao? **Jak.** 2:5. Noho ny harena dia manamavo ny mahantra izy, **2 Ne.** 9:30. Hitanana ny famelana ny fahotanao isan' andro isan' andro, dia mizarà amin' ny fanananareo amin' ny mahantra, **Môsià** 4:26. Ary nanome tamin' ny fananany izy, ho an' ny mahantra, **Almà** 1:27. Raha manosi-bohon-tanana ny mahantra ianareo, dia zava-poana ny vavakareo, **Almà** 34:28. Niarahan' ireo Nefita nanana avokoa ny zavatra rehetra, koa tsy nisy na mpanefofo na mahantra, **4 Ne.** 1:3. Hahatsiaro ny mahantra ianao, **F&F** 42:30 (F&F 52:40). Lozan' ny mahantra izay tsy torotoro ny fony, **F&F** 56:17-18. Hiditra ao amin' ny fampakarambadin' ny Zanakondry ny mahantra, **F&F** 58:6-11. Hitady ny mahantra ny eveka, **F&F** 84:112. Ny lalàn' ny filazantsara no mitantana ny fitandremana ny mahantra, **F&F** 104:17-18. Tsy nisy mahantra teo anivony, **Mos.** 7:18.

Mahantra am-panahy: Hotahina kokoa ireo izay manetry ny tenany nefa tsy terena hanetry tena noho ny fahantrana, **Almà** 32:4-6, 12-16. Sambatra ny ory am-panahy izay mankaty Amiko,

3 Ne. 12:3 (Mat. 5:3). Hitoriana ny filazantsara ny mahantra sy ny malemy fanahy, **F&F** 35:15.

MAHARITRA. *Jereo koa* Faharetana;
Fahoriana; Fakam-panahy

Miorina mafy amin' ny finiavana tsy ho diso amin' ireo didin' Andriamanitra na dia eo aza ny fakam-panahy, ny fanoherana ary ny fahoriana.

Izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena, **Mat.** 10:22 (Mar. 13:13). Tsy manam-paka ireny ka tsy maharitra afa-tsy fotoana fohy, **Mar.** 4:17. Ny fitiavana maharitra ny zava-drehetra, **1 Kor.** 13:7. Rehefa niaritra fatratra tokoa i Abrahama dia nahazo fampantenana, **Heb.** 6:15. Raha maharitra hatramin' ny farany izy dia hasandra- tra amin' ny andro farany, **1 Ne.** 13:37. Raha mankatò ny didy ianareo sy maharitra hatramin' ny farany dia hovonjena, **1 Ne.** 22:31 (Almà 5:13). Raha mibosesika handroso ianareo, ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia hahazo ny fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 31:20 (3 Ne. 15:9; F&F 14:7). Na zovy na zovy no mitondra eo aminy ny anarako sy maharitra hatramin' ny farany, dia hovonjena, **3 Ne.** 27:6. Na zovy na zovy no maharitra amin' ny fiangonako hatramin' ny farany, dia izy no haoriko eo amin' ny vatolampiko, **F&F** 10:69. Izay maharitra amin' ny finoana no handresy izao tontolo izao, **F&F** 63:20, 47. Ny fanjakana sy ny fanapahana rehetra dia hatolotra ireo rehetra izay efa niaritra tamin-kerim-po noho ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, **F&F** 121:29.

MAHARY. *Jereo* Fahariana

MAHATSAPA. *Jereo koa* Fanahy
Masina

Mandre ny bitsiky ny Fanahy.

Efa donto ianareo ka tsy nahatsapa ny teniny, **1 Ne.** 17:45. Rehefa tsapanareo ireo fihetsiny mandrobona, dia hanomboka hiteny ianareo fa voa tsara izany, **Almà** 32:28. Ho tsapanao fa marina

izany, **F&F** 9:8. Ny olona rehetra izay hiditra ny tranon' ny Tompo dia mety hahatsapa ny herinao, **F&F** 109:13.

MAKA FANAHY. *Jereo*
Fakam-panahy

MALAKIA

Mpaminany iray ao amin' ny Testamenta Taloha izay nanoratra sy naminany, tokony ho 430 talohan' i J.K.

Ny bokin' i Malakia: Ny bokin' ny faminanian' i Malakia no boky farany ao amin' ny Testamenta Taloha. Toa miompana amin' ny venti-kevitra efatra izy: (1) Ny fahotan' ny Isiraely—Malakia 1:6–2:17; 3:8–9; (2) Ny fitsarana ho avy amin' ny Isiraely noho ny tsy fankatoavany—Malakia 1:14; 2:2–3, 12; 3:5; (3) Ireo fampanantenana raha mankatò—Malakia 3:10–12, 16–18; 4:2–3; ary (4) ireo faminanianana momba an' i Isiraely—Malakia 3:1–5; 4:1, 5–6 (**F&F** 2; 128:17; **JS**—**T** 1:37–39).

Ao amin' ny faminaniany izy dia nanoratra momba an' i Jaona Mpanao Batisa (Mal. 3:1; Mat. 11:10), ny lalàn' ny fahafolonkarena (Mal. 3:7–12), ny fiavian' ny Tompo fanandroany (Mal. 4:5), ary ny fiverenan' i Elia (Mal. 3:23–24; **F&F** 2; 128:17; **JS**—**T** 1:37–39). Notanisain' ny Mpamonjy tamin' ny Nefita ny Malakia toko 3 manontolo (3 Ne. 24–25).

MALEMY FANAHY. *Jereo*
Halemem-panahy

MAMEHY. *Jereo* Famehezana

MAMELA. *Jereo* koa Famelana ny fahotana; Fibebahana; Miaiky; Sorompanavotana

Araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina, ny hoe mamela amin' ny ankapobeny dia manana heviny iray na roa amin' ireto: (1) Rehefa mamela ny olona Andriamanitra, dia vonoiny na foanany ny famaizana takina noho ny fahotana. Noho ny sorompanavotan' i Kristy, ny famelana

ny fahotana dia manan-kery ho an' ny rehetra izay mibebaka afa-tsy ireo izay meloka amin' ny vono olona na ny ota tsy azo ivalozana natao tamin' ny Fanahy Masina. (2) Rehefa mifamela ny olona, dia mifampitondra araka ny fitiavan' i Kristy izy ka tsy manana otri-po amin' ireo izay efa nanafintohina azy (Mat. 5:43–45; 6:12–15; Lio. 17:3–4; 1 Ne. 7:19–21).

Mahari-po ny Tompo sady be famindram-po, mamela heloka sy fahadi-soana, **Nom.** 14:18. Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanao dia ho fotsy tahaka ny orampanala, **Isa.** 1:18. Mamelà ny trosanay tahaka ny amelanay izay nitrosa taminay, **Mat.** 6:12 (Lio. 11:4; 3 Ne. 13:11). Manana fahefana heloma heloka ny Zanak' olona, **Mat.** 9:6 (Mat. 18:35; Mar. 2:10; Lio. 5:20–24). Impiry moa no hanotan' ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? **Mat.** 18:21–22 (**F&F** 98:40). Izay manevateva ny Fanahy Masina dia tsy mahazo famelan-keloka na oviana na oviana, **Mar.** 3:29 (Almà 39:6). Raha diso aminao ny rahalahinao ka mibebaka, dia mamelà azy, **Lio.** 17:3. Ray ô mamelà ny helony fa tsy fantany izay ataony, **Lio.** 23:34. Mivavaha ho an' ny famelan-keloka, **1 Ne.** 7:21 Ampiharo ny ran' ny sorompanavotan' i Kristy hahazoanay mandray ny famelana ny fahotanay, **Môsià** 4:2. Raha miaiky ny fahotany eo anatrehanao sy eo anatrehako izy ary mibebaka, dia hamela azy ianao, **Môsià** 26:29–31. Izay mibebaka sy mankatò ny didy no havela heloka, **F&F** 1:32. Arosoy ny antsimelokao, dia voavela ny fahotanao, **F&F** 31:5 (**F&F** 84:61). Izay efa nibebaka tamin' ny fahotany no voavela ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony, **F&F** 58:42. Izaho hamela izay tiako havela heloka fa takina aminareo kosa ny hamela ny heloky ny olon-drehetra, **F&F** 64:10. Toy izay efa nifamelanareo ny fahadi-soanareo, dia toy izany koa no amelako Izaho Tompo anareo, **F&F** 82:1. Izay tiako dia faiziko koa mba hahazoana mamela ny fahotany, **F&F** 95:1. Voavela ny hadisoanao, **Mos.** 6:53.

MAMELONA. *Jereo koa*

Fitsanganana amin' ny Maty

Manome aina, mampitsangana amin' ny maty, na manova ny olona iray mba hahafahany manatrika an' Andriamanitra.

Nahavelona antsika niaraka tamin' i Kristy Andriamanitra, **Ef.** 2:4–5 (Kol. 2:6, 12–13). Novonoina tamin' ny nofo i Kristy, fa novelomina tamin' ny fanahy, **1 Pet.** 3:18 (F&F 138:7). Tsy nisy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana afa-tsy izay novelomin' ny Fanahy, **F&F** 67:11. Ny fanavotana dia amin' ny alalan' Ilay mamelona ny zava-drehetra, **F&F** 88:16–17. Ary ny Olomasina dia hampahavitrihina sy hakarina mba hitsena an' i Kristy, **F&F** 88:96. Novelomina ny toe-panahy tao anatin' i Adama, **Mos.** 6:65.

MAMINANY. *Jereo Faminaniana***MAMITAKA.** *Jereo Fitaka***MAMO.** *Jereo Tenin' ny Fahendrena***MAMÔNA.** *Jereo koa Vola*

Teny Aramaika midika hoe “harena” (Mat. 6:24; Lio. 16:9; F&F 82:22).

MAMONO. *Jereo Famaizana ho Faty; Famonoan' Olona***MAMPIANATRA.** *Jereo koa Fanahy Masina*

Mampita fahalalana amin' ny hafa, indrindra momba ireo fahamarinan' ny filazantsara, ary mitarika azy ireo ho amin' ny fahamarinana. Tokony hotarihin' ny Fanahy ireo izay mampianatra ny filazantsara. Mpampianatra avokoa ny ray aman-dreny rehetra eo anivon' ny ankohonany. Tokony hikatsaka sy ho vonona ny handray fampianarana avy amin' ny Tompo sy ireo mpiton-drany ny olomasina.

Ampahafantaro ny zanakao izany, **Deot.** 4:8–9. Ampianaro tsara ny zanakao izany, **Deot.** 6:7 (Deot. 11:18–19). Zaro amin' ny lalana tokony halehany

ny zaza, **Ohab.** 22:6. Ny zanakao dia ho samy efa nampianarin' ny Tompo, **Isa.** 54:13 (3 Ne. 22:13). Fantatray fa mpampianatra avy amin' Andriamanitra ianao, **Ja.** 3:2. Ianao izay mampianatra ny sasany, tsy mba mampianatra ny tenanao koa va? **Rom.** 2:21. Nampianarina ahy avokoa ny fahala-lan' ny raiko, **1 Ne.** 1:1 (Enô. 1:1). Ireo mpisorona sy mpampianatra dia tsy maintsy mampianatra ny vahoaka amin' ny fahazotoana fandrao hovaliana ambony lohany ny fahotan' ireo, **Jkb.** 1:18–19. Mihainoa ahy ary sokafy ny sofinareo, **Môsià** 2:9. Hampianatra ny zanakareo hifankatia sy hifanomp-po ianareo, **Môsià** 4:15. Aza matoky olona ho mpampianatra raha tsy olon' Andriamanitra izy, **Môsià** 23:14. Ny Tompo dia nampidina ny Fanahiny tambonin' ny tany manontolo mba hanomana ny fony handray ny teny, **Almà** 16:16. Izy ireo dia nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra, **Almà** 17:2–3. Efa nampianarin' ny reniny izy ireo, **Almà** 56:47 (Almà 57:21). Ary raha nitady fahendrena izy ireo dia ho azo ampianarina, **F&F** 1:26. Mifampianara ianareo araka ny anjara fanompoana izay efa nanendrekro anareo, **F&F** 38:23. Ampianaro ireo fitsipiky ny filazantsarako, izay ao amin' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 42:12. Ary hampianarina avy any ambony ianareo, **F&F** 43:15–16. Tokony hampianatra ny zanany ny ray aman-dreny, **F&F** 68:25–28. Mifampianara ny fotopampianaran' ny fanjakana, **F&F** 88:77–78, 118. Manendre mpampianatra iray eo anivonareo, **F&F** 88:122. Tsy nampianarinao fahazavana sy fahamarinana ny zanakao, ary izany no anton' ny fahorianao, **F&F** 93:39–42. Koa ampianaro malalaka ny zanakao izany, **Mos.** 6:57–61.

Mampianatra miaraka amin' ny Fanahy: Tsy hianareo no miteny fa ny Fanahy no miteny ao anatinareo, **Mat.** 10:19–20. Tsy nangorakoraka va ny fontsika raha namoaka ny hevitra ny soratra masina Izy? **Lio.** 24:32. Torina amin'

ny herin' ny Fanahy ny filazantsara, **1 Kor.** 2:1–14. Niteny tamin-kery sy fahefana avy tamin' Andriamanitra izy, **Môsià** 13:5–9 (**Almà** 17:3; **Hel.** 5:17). Hanana ny Fanahiko ho fandresendahatra ny olona ianao, **F&F** 11:21. Homena anao izay ho re na amin' inona na amin' inona hampianarinao amin' ny alalan' ny Mpampionona, **F&F** 28:1 (**F&F** 52:9). Raha tsy mandray ny Fanahy ianareo dia tsy hampianatra, **F&F** 42:14 (**F&F** 42:6). Ampianaro ny zanak' olombelona amin' ny herin' ny Fanahiko ny zavatra, **F&F** 43:15. Hampianatra ny filazantsara amin' ny Fanahy ny loholona, **F&F** 50:13–22. Ny teny hambaranareo dia homena anareo amin' izany ora izany, **F&F** 84:85 (**F&F** 100:5–8).

MAMPITANDRINA. *Jereo* Fampitandremana

MANA. *Jereo* koa Eksodosy; Mofon' aina

Sakafo malemy miendrika voan-drafy, mitovy tsiro amin' ny mofo misy tantely (**Eks.** 16:14–31) na mofo misy diloilo vao (**Nom.** 11:8). Ny Tompo no nanome izany mba hamahanana ny zanak' i Isiraely nandritra ny efaolo taona nandehanany tany an' efitra (**Eks.** 16:4–5, 14–30, 35; **Jos.** 5:12; **1 Ne.** 17:28).

Nantsoin' ny zanak' i Isiraely hoe “mana” izany (na *man-ho* amin' ny Hebreo)—izay midika hoe: “Inona ity?”—Satria tsy fantany (**Eks.** 16:15). Niantsoana azy koa ny hoe “hanin' ny anjely” sy “mofo avy any an-danitra” (**Sal.** 78:24–25; **Jao.** 6:31). Tandindon' i Kristy izay ho Mofon' Aina izany (**Jao.** 6:31–35).

MANAFAY. *Jereo* Famaizana

MANAFINTOHINA

Mandika lalàn' Andriamanitra, manota, na miteraka fikorontanana na fahavoazana, ary koa mahatezitra na manorisory.

Ny mampionona ny rahalahy voaisy

ratsy dia sarotra noho ny manafaka vohitra mafy, **Ohab.** 18:19. Fa raha ny masonao ankavanana no manafintohina anao, dia esory hiala izy, **Mat.** 5:29. Fa na zovy na zovy no hanafintohina na dia iray aza amin' ireny madinika mino Ahy ireny, dia tsara lavitra ho azy raha alentika any amin' ny ranomasina izy, **Mat.** 18:6 (**F&F** 121:19–22). Raha manafintohina anao ny rahalahinao na ny anabavinao ka raha mibaboka izy, dia hiombona ianareo, **F&F** 42:88. Tsy misy na inona na inona ataon' ny olona ka manafintohina an' Andriamanitra afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tanany ary tsy mankatò ny didiny, **F&F** 59:21.

MANAJA. *Jereo* koa Fanajana; Mihevitra ho

Ny ampiasana azy matetika ao amin' ny soratra masina dia ho fanehoana fanajana na fitsaohana olona na zavatra.

Manaja ny rainao sy ny reninao, **Eks.** 20:12 (**1 Ne.** 17:55; **Môsià** 3:20). Mankalazà ny Tompo amin' ny fanananao, **Ohab.** 3:9. Raha misy olona manompo Ahy dia izy no hankalazain' ny Ray, **Jao.** 12:26. Ny lehilahy dia tokony hanaja ny vadiny, **1 Pet.** 3:7. Amin' ny molony ihany no anajany ny Tompo, **2 Ne.** 27:25 (**Isa** 29:13). Tsy mikatsaka ny voninahitr' izao tontolo izao aho, **Almà** 60:36. Nikomy Tamiko ny devoly nanao hoe: Omeo ahy ny voninahitrao, dia ny heriko, **F&F** 29:36. Hosatrohana amin' ny satroboninahitry ny laza ny mahatoky, **F&F** 75:5 (**F&F** 124:55). Finaritra ny Tompo hankalaza ireo izay manompo Azy, **F&F** 76:5. Tsy voafidy izy ireo satria mian-drandra ny voninahitry ny olona, **F&F** 121:34–35. Mino ny fanajana sy ny fanohanana ny lalàna isika, **Fp.** 1:12 (**F&F** 134:6).

MANAMARINA. *Jereo* koa Fanamasinana; Sorompanavotana

Afahana amin' ny famaizana noho ny ota ka ambara ho tsy manan-tsiny. Hamarinin' ny fahasovan' ny Mpa-

monjy ny olona, amin' ny alalan' ny finoana Azy. Aseho amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin' ny filazantsara izany finoana izany. Ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia mamela ny olombelona hibe-baka sy hohamarinina na ho voavela heloka ka tsy hiharan' ny famai-zana izay tokony ho nihatra taminy.

Ao amin' i Jehovah no hanamarinana ny taranak' i Isiraely rehetra, **Isa.** 45:25. Tsy ny mpandre fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina, **Rom.** 2:13. Ny olona dia nohamarinina tamin' ny ran' i Kristy, **Rom.** 5:1–2, 9. Nohamarinina tamin' ny anaran' i Jesoa Tompo ianareo, **1 Kor.** 6:11. Mba hohamarinina amin' ny fahasoavany isika ka ho tonga mpandova, **Tito.** 3:7. Tsy nohamarinina tamin' ny asa va Abrahama razantsika? **Jak.** 2:21. Hamarinina amin' ny asa ny olona fa tsy amin' ny finoana irery ihany, **Jak.** 2:14–26. Tsy misy nofo amarina noho ny lalàna, **2 Ne.** 2:5. Hanamarina ny maro ny mpanompo-marina; fa hitondra ny helony Izy, **Môsià** 14:11 (**Isa.** 53:11). Moa va ianareo afaka miteny fa ny fitafianareo dia efa nodiovina tamin' ny alalan' i Kristy? **Almà** 5:27. Marina ny fanamarinana amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Jesoa Kristy, **F&F** 20:30–31 (**F&F** 88:39). Amin' ny Fanahy no hamarinina ianareo, **Mos.** 6:60.

MANAMAVO. *Jereo* Fankahalana

MANAMBADY. *Jereo* Fanambadiana

MANAMELOKA. *Jereo*
Fanamelohana

MANAMPAHEFANA AMBONY.
Jereo Apostoly; Eveka Miahy;
Fiadidiana Voalohany;
Fitopolahay

MANANOTENA. *Jereo* koa
Fanambadiana

MANAO. *Jereo* Mankatò

MANAO BATISA. *Jereo* Batisa

MANARANA NY FILAN' NY

NOFO. *Jereo* koa Fahadiovam-pitondrantena; Fanitsakitsaham-bady; Fijangajangana;
Fitondrantena maloto; Mitsiriritra

Fankamamiana na faniriana ny fahafinaretan' ny nofo izay tsy mendrika, indrindra ny fitondrantena maloto.

Ny vadin' ny tompo ny dia nanopy ny masony hijery an' i Josefa, **Gen.** 39:7. Izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga, **Mat.** 5:28 (3 Ne. 12:28). Fadio ny filan' ny nofo, fa miady amin' ny fanahy ireny, **1 Pet.** 2:11. Ny filan' ny nofo sy ny filan' ny maso dia tsy avy amin' ny Ray, **1 Jn.** 2:16. Aza mandeha intsony araka ny fitsiriritan' ny masonao, **Almà** 39:9. Noho ny fandikana ireo lalàna masina, dia nanjary nanarana ny nofo ny olona, **F&F** 20:20. Raha misy manitsakitsa-bady ao am-pony, dia tsy hanana ny Fanahy izy, **F&F** 63:16. Koa atsaharo ny faniriana ara-nofo rehetra, **F&F** 88:121. Ny olona dia nanomboka nanarana ny vatana, ny filandratsy ary ho devoly toetra, **Mos.** 5:13 (**Môsià** 16:3; **Mos.** 6:49).

MANASA. *Jereo* Fanasana

MANASE. *Jereo* koa Efraima; Isiraely;
Josefa, Zanakalahin' i Jakoba

Ao amin' ny Testamenta Taloha, lahimatoan' i Asenata sy i Josefa ilay namidy tany Egypta (**Gen.** 41:50–51). Zafin' i Jakoba (Isiraely) izy sy i Efraima rahalahiny saingy natsangan' i Jakoba sy notsofiny rano toy ny zanany naterany (**Gen.** 48:1–20).

Ny fokon' i Manase: Noraisina ho isan' ny mpianakavin' i Isiraely ny taranak' i Manase (**Nom.** 1:34–35; **Jos.** 13:29–31). Voarakitra ao amin' ny Deoteronomia 33:13–17 ny tsodrano nomen' i Mosesy ny fokon' i Josefa, izay nomena an' i Efraima sy i Manase koa. Ny zara-taniny dia ampahany andrefan' i Jordana, eo anilan' i Efraima. Manana tany ao atsinanan' i Jordana koa izy, ao amin' ny tanim-bilona lonak' i Basana sy Gileada. Amin' ny andro

farany, ny fokon' i Manase dia hanampy ny fokon' i Efraïma amin' ny fanangonana an' i Isiraely miely patrana (Deot. 33:13–17). Taranak' i Manase i Lehia mpaminanin' ny Bokin' i Môrmôna (Almà 10:3).

MANASITRANA. *Jereo koa*

Fitsofan-drano ny Marary;

Manosotra

Mahatonga ho salama na sitrana indray, na ara-batana na ara-panahy. Mirakitra ohatra maro momba ny fanasitrana mahagaga nataon' ny Tompo sy ny mpanompony ny soratra masina.

Izaho no Tompo izay manasitrana anao, **Eks.** 15:26. Nandro impito tao amin' ny Renirano Jordana i Namàna dia sitrana, **2 Mpan.** 5:1–14. Ny diankapoka taminy no nahasitrana antsiaka, **Isa.** 53:5 (Môsià 14:3). Hiposaka ny Masoandron' ny fahamarinana miaraka amin' ny fanasitrana ao amin' ny elany, **Mal.** 3:20. Nanasitrana ny karazan' aretina rehetra i Jesoa, **Mat.** 4:23 (Mat. 9:35). Nomena fahefana izy ireo hanasitrana ny karazan' aretina rehetra, **Mat.** 10:1. Naniraka Ahy Izy hanasitrana ny fo maratra, **Lio.** 4:18. Nositrinin' ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra ireo, **1 Ne.** 11:31. Raha mino ny fanavotan' i Kristy ianao dia azo sitranina, **Almà** 15:8. Nositrinin' ny tsirairay avy taminy, **3 Ne.** 17:9. Izay manam-pinoana Ahy mba ho sitranina, dia ho sitrana, **F&F** 42:48. Amin' ny anarako no hanasitrany ny marary, **F&F** 84:68. Isika dia mino ny fanomezam-pahasoavana hanasitrana, **Fp.** 1:7.

MANATONA. *Jereo koa* Mankatò;

Mpianatra

Ao amin' ny soratra masina: manakai-ky ny olona iray amin' ny fanarahana na ny fankatoavana, toy ny ao amin' ny fehezanteny hoe: “manatona an' i Kristy ary aoka hatao tanteraka ao Aminy”. (Môrô. 10:32).

Atongilano ny sofinareo ka mankanesa aty amiko, **Isa.** 55:3. Mankanesa

aty amiko ianareo izay miasa fatra-tra, **Mat.** 11:28. Avelao ny zaza hanatona Ahy, **Mat.** 19:14. Raha misy olona te hanaraka Ahy aoka izy handà ny tenany, **Lio.** 9:23. Izay manatona Ahy dia tsy ho noana na oviana na oviana, **Jao.** 6:35. Manasa ny rehetra hanatona Azy i Kristy, **2 Ne.** 26:33. Mankanesa aty amiko ary aoka ho voavonjy, **3 Ne.** 12:20. Manatona an' i Kristy, **Môrô.** 10:32. Manasa ny rehetra hanatona an' i Kristy, **F&F** 20:59. Manatona Ahy dia ho velona ny fananinareo, **F&F** 45:46.

MANAVOTRA. *Jereo* Fanavotana

MANDEHA, MANDEHA

MIARAKA AMIN'

ANDRIAMANITRA. *Jereo koa*

Fahamarinana; Lalana; Mankatò

Mifanaraka tsara amin' ny fampianaran' Andriamanitra sy miaina amin' ny fomba tian' Andriamanitra hiainan' ny olony; mandray sy mankatò ny fitaoman' ny Fanahy Masina.

Izaho dia hizaha toetra azy na handeha manaraka ny lalàko izy, na tsia, **Eks.** 16:4. Tsy hiaro zava-tsoa amin' izay mandeha amin' ny fahitsiana Izy, **Sal.** 84:11. Izay mandeha araka ny didiko sy mitandrana ny fitsipiko dia ho oloko, **Ezek.** 11:20–21 (Deot. 8:6). Inona no zavatra ilain' ny Tompo aminao fa tsy ny hanarahanao Azy amin' ny fanetren-tena? **Mika** 6:8 (F&F 11:12). Mandehana eo amin' ny maza-va, tahaka an' Andriamanitra eo amin' ny mazava, **1 Jn.** 1:7 (2 Jn. 1:6; 4 Ne. 1:12; 3 Jn. 1:4). Mandehana amin' ny lalana ety izay mitondra mankany amin' ny fiainana, **2 Ne.** 33:9. Nandeha tamin' ny fieritreretana madio teo anoloan' Andriamanitra ny mpanjaka Benjamîna, **Môsià** 2:27. Ny addinareo dia ny mandeha tsisy tsiny araka ny lamina masin' Andriamanitra, **Almà** 7:22. Ny mpikamban' ny Fiangonana dia haneho fitondrantena sy firesahana araka an' Andriamanitra, **F&F** 20:69. Mampandria sofina amin' ny mpaminany ary mandehana amin'

ny fahamasinana tanteraka eo anoloan' ny Tompo, **F&F** 21:4. Ampianaro ny zaza hivavaka sy handeha araka ny hitsiny eo anoloan' ny Tompo, **F&F** 68:28. Hitoetra ato Amiko ianao ary Izaho ao aminao; koa miaraha-mandeha Amiko, **Mos.** 6:34.

MANDIKA TENY

Milaza amin' ny fiteny iray, amin' ny voambolana mitovy aminy, ny dikan' ny hevitra nomena tamin' ny fiteny iray hafa (Môsià 8:8–13; Fp. 1:8). Voalaza matetika ao amin' ny soratra masina fa fanomezana avy amin' Andriamanitra izany (Almà 9:21; **F&F** 8; 9:7–9). Indraindray koa dia mety midika ho fanatsarana na fanitsiana dikanten' efa misy amin' ny fiteny iray, na koa famerenana indray ny asa soratra iray very izany (**F&F** 45:60–61). I Joseph Smith dia nodidina hanao dikanten' entanim-panahy ny Baibolin' ny Mpanjaka Jakoba (**F&F** 42:56; 76:15).

Nahazo ny fahaizana handikana ny Bokin' i Môrmôna amin' ny alalan' ny famindram-pon' Andriamanitra sy noho ny herin' Andriamanitra i Joseph Smith, **F&F** 1:29. Anananao ny fanomezam-pahasoavana handika, **F&F** 5:4. Toviko aminao ny fanomezam-pahasoavana handikana teny, raha irinao Amiko izany, **F&F** 6:25. Nomen' Andriamanitra an' i Joseph Smith ny fahefana avy any ambony mba handikana ny Bokin' i Mormona, **F&F** 20:8. Tamin' ny alalan' ny Orima sy ny Tomima no nandikako ny endritsoratra sasany, **JS—T** 1:62 (Môsià 8:13; 28:13).

MANDINIKA. *Jereo* Misaintsaina

MANENIKA NY TONTOLO. *Jereo*
koa Andriamanitra

Ny fahafahan' Andriamanitra manatrika na aiza na aiza amin' ny alalan' ny fanahiny (Sal. 139:7–12; **F&F** 88:7–13, 41).

MANENJIKA. *Jereo* Fanenjhana

MANERY. *Jereo* koa Fanahy Masina

Entanina mafy hanao na tsy hanao zavatra, indrindra fa amin' ny fitaomana sy ny herin' ny Fanahy Masina.

Manery ahy ny fanahy ato anatiko, **Joba** 32:18. Ny fitiavan' i Kristy no manery anay, **2 Kor.** 5:14. Nitaona ahy mafy ny Fanahy ny tokony hamonoako an' i Labana, **1 Ne.** 4:10. Manery ahy ny Fanahy, **Almà** 14:11. Izaho dia voatery araka ny fanekempihavanana, **Almà** 60:34. Nanafina ny rakitsoratra i Amarôna rehefa noteren' ny Fanahy Masina, **4 Ne.** 1:48. Izay avy any ambony dia tsy maintsy tenenina amin' ny faneren' ny Fanahy, **F&F** 63:64.

MANETRY TENA. *Jereo*
Fanetren-tena

MANEVATEVA. *Jereo* koa Fahotana
Tsy Ahazoana Famelana;
Faniratsirana

Miteny momba an' Andriamanitra na ny zava-masina tsy am-piheverana na am-panajana.

Nampangain' ny Jiosy imbetsaka ho nanevateva i Jesoa noho Izy nilaza tena ho nanana zo hamela heloka, (Mat. 9:2–3; Lio. 5:20–21), noho Izy nanao ny tenany ho Zanak' Andriamanitra (Jao. 10:22–36; 19:7), ary noho Izy nilaza fa hahita Azy mipetraka eo an-tanana ankavanan' ny hery izy ireo sy avy eny amin' ny rahon' ny lanitra (Mat. 26:64–65). Nety ho marina ireny fiam-pangana ireny raha toa Izy ka tsy araka izay nolazainy marina tokoa. Ny fiam-pangana nentin' ireo vavolombelona sandoka hamelezana Azy tamin' ny fitsarana Azy teo anoloan' ny Synedrio-na (Mat. 26:59–61) dia fanevatevana ny tempolin' Andriamanitra. Ny fanevatevana ny Fanahy Masina, izay fandavana an-tsitraro an' i Kristy taorian' ny nahazoana fahalalana tanteraka ny momba Azy, dia tsy ahazoana famelan-veloka (Mat. 12:31–32; Mar. 3:28–29; **F&F** 132:27).

Izay manevateva ny anaran' ny Tompo dia hovanoina ho faty, **Lev.** 24:11–16.

Ireo fahavalon' ny Tompo dia tsy havela hanevateva ny anarany, **F&F** 105:15. Ho tonga amin' ireo izay manevateva ny Tompo ny famaliana, **F&F** 112:24–26.

MANGALATRA

Maka zavatra ny hafa tsy amim-pahamarinana na tsy ara-dalàna. Nandidy ny zanany mandrakariva ny Tompo mba tsy hangalatra (Eks. 20:15; Mat. 19:18; 2 Ne. 26:32; Môsià 13:22; **F&F** 59:6).

Miharia harena ho anareo any andanitra izay tsy misy manamitrano na mangalatra, **Mat.** 6:19–21. Ny faharesen' ny Nefita dia tonga noho ny avonavony, ny haren' ny fandrobanana, ny fangalarana, **Hel.** 4:12. Izay mangalatra ka tsy mibebaka dia ho-roahina hiala, **F&F** 42:20. Ireo izay mangalatra dia hatolotra ny lalàn' ny tany, **F&F** 42:84–85.

MANGATAKA. *Jereo koa* Vavaka

Manontany na miangavy fankasitrahana manokana amin' Andriamanitra.

Mangataha dia homena hianareo, **Mat.** 7:7. Raha misy aminareo tsy manampahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, **Jak.** 1:5 (JS—T 1:7–20). Mangataka Amiko amin' ny finoana, **1 Ne.** 15:11. Raha tsy mahazo ireo teny ireo ianareo, dia satria tsy manontany, **2 Ne.** 32:4. Mangataka amin-kitsim-po, **Môsià** 4:10. Andriamanitra dia manome anareo rehefa mety ho zavatra izay rariny ka angatahinareo amin' ny finoana, **Môsià** 4:21. Hanontanianareo an' Andriamanitra raha tsy marina ireto zavatra ireto, **Môrô.** 10:4. Tian' izy ireo ny haizina toy izay ny hazavana; koa tsy tian' izy ireo ny hangataka Amiko, **F&F** 10:21. Didina ianareo amin' ny zavatra rehetra mba hangataka amin' Andriamanitra, **F&F** 46:7.

MANIFESTÔ. *Jereo koa*

Fanambadiana—Fampakarana vady maro; Woodruff, Wilford

Filazana ôfisialy nataon' ny filoha

Wilford Woodruff tamin' ny 1890, izay manambara mazava fa ny fiangonana sy ny mpikambany dia manao ny lalàn' ny tany ary tsy manao fampakarana vady maro intsony (**F&F** FO—1). Namoaka ny Manifestô ny Filoha Woodruff taorian' ny fahitana sy fanambarana avy amin' Andriamanitra.

MANKAHALA. *Jereo koa*

Fandrafiana; Fitiavana; Valifaty

Ny mankahala dia ny tsy fitiavana mainty ny olona na ny zavatra.

Izaho Andriamanitra dia mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanak' ireo izay mankahala Ahy, **Eks.** 20:5. Izao zavatra enina izao no halan' ny Tompo, **Ohab.** 6:16. Ny adala manao tsinontsinona an-dreniny, **Ohab.** 15:20. Natao tsinontsinona sy nolavin' ny olona Izy, **Isa.** 53:3. Manaova soa amin' ireo izay mankahala anareo, **Mat.** 5:44. Ny anankiray ho halany ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany ary ny anankiray hohamavoiny, **Mat.** 6:24. Ho halan' ny olon-drehetra ianareo noho ny anarako, **Mat.** 10:22. Izay rehetra manao ny ratsy dia mankahala ny hazavana, **Jao.** 3:20. Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao, **1 Tim.** 4:12. Noho izy ireo manan-karena dia manamavo ny mahantra, **2 Ne.** 9:30. Aza manamavo ireo fanambaran' Andriamanitra, **Jkb.** 4:8. Nanana fankahalana mandrakizay anay izy ireo, **Jkb.** 7:24. Manao ny torohevitr' Andriamanitra ho tsinontsinona ny olona ary manamavo ny teniny, **F&F** 3:7. Nankahalaina sy nenjehina aho noho ny filazana fa efa nahita fahitana aho, **JS—T** 1:25.

MANKATÔ. *Jereo koa* Didin'

Andriamanitra; Fifaliana; Fitahiana; Lalàna; Mandeha; Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra; Mihaino

Amin' ny heviny ara-panahy, ny fankatoavana dia fanaovana ny sitrapon' Andriamanitra.

Nanao araka izay nandidian' Andria-

manitra azy i Noa, **Gen.** 6:22. Nankatò ny Tompo i Abrahama, **Gen.** 22:15–18. Izay rehetra nolazain' ny Tompo dia hataonay, **Eks.** 24:7. Koa mihainoa ry Isiraely Ô, ka mitandrema hanaraka izany, **Deot.** 6:1–3. Tiava ny Tompo ka mihainoa ny feony, **Deot.** 30:20. Ny mankatò no tsara noho ny fanatitra, **1 Sam.** 15:22. Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, **Mpito.** 12:13–14. Tsy ny rehetra no hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Ray, **Mat.** 7:21 (3 Ne. 14:21). Raha misy olona ta hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy, na avy amin' Andriamanitra izany, **Jao.** 7:17. Andriamanitra no tokony hekena mihoatra ny olona, **Asa** 5:29. Hianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo, **Ef.** 6:1 (Kol. 3:20). Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, **1 Ne.** 3:7. Nankatò ny feon' ny Fanahy aho, **1 Ne.** 4:6–18. Raha toa ka mitandrina ny didin' Andriamanitra ny zanak' olombelona, dia mamelona azy Izy, **1 Ne.** 17:3. Mitandrema fandrao hankatò ny fanahy ratsy ianareo, **Môsià** 2:32–33, 37 (F&F 29:45). Mioty ny tambiny araka izay fanahy ankatoaviny ny olona, **Almà** 3:26–27. Tokony hanao zavatra maro amin' ny nahim-pony ny olona, **F&F** 58:26–29. Tsy misy na inona na inona ataon' ny olona ka manafintohina an' Andriamanitra afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tanany ary tsy mankatò ny didiny, **F&F** 59:21. Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko, **F&F** 82:10. Ny olona tsirairay, izay mankatò ny feoko, dia hahita ny tavako ary hahafantatra fa Izy Aho, **F&F** 93:1. Tsy maintsy faizina ny olona ambara-pianarany fankatoavana, **F&F** 105:6. Rehefa mahazo fitiahina avy amin' Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany, **F&F** 130:21. Mpankatò i Adama, **Mos.** 5:5. Hosedraintsika izy ireo hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian' ny Tompo, **Abr.** 3:25.

MANOKANA. *Jereo koa* Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra; Fanokanana; Lamina Miray

Manolotra, manamasina, na manjary marina. Ny lalàn' ny fanokanana dia fitsipika avy amin' Andriamanitra izay anokanan' ny lehilahy sy ny vehivavy an-tsitraro ny fotoany, ny talentany ary ny haren' ho fananganana sy fanore-nana ny fanjakan' Andriamanitra.

Manokàna ny tenanareo ho an' ny Tompo ianareo anio, **Eks.** 32:29. Izay rehetra nino dia niarahany nanana avokoa ny fananany, **Asa** 2:44–45. Niarahany nanana avokoa ny zavatra teo anivony; koa tsy nisy na mpanefofo na mahantra, **4 Ne.** 1:3. Nanazava ny fitsipiky ny fanokanana fananana ny Tompo, **F&F** 42:30–39 (F&F 51:2–19; 58:35–36). Tsy tokony ny olona iray hanana mihoatra noho ny iray hafa, **F&F** 49:20. Samy nomena anjara mitovy araka ny ankohonany avy ny olona tsirairay, **F&F** 51:3. Najoro ny lamina iray mba hahatonga ny Olomasina hitovy amin' ny famatoran' ny zavatra ny lanitra sy ny zavatra ny tany, **F&F** 78:4–5. Ny olona rehetra dia tokony hanana zo mitovy araka izay tadiaviny sy ilainy, **F&F** 82:17–19. I Ziona dia tsy azo aorina raha tsy amin' ny alalan' ny fitsipiky ny lalàna selestialy, **F&F** 105:5. Iray fo sy Iray saina ny vahoakan' i Enoka ary nitotra tamin-pahamarinana, ary tsy nisy mahantra teo anivony, **Mos.** 7:18.

MANONITRA. *Jereo*
Sorompanavotana

MANORO HEVITRA

Ny hoe manoro hevitra ao amin' ny soratra masina dia manome saina na mampahafantatra.

Manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin' ny afo, **Fan.** 3:18. Aza mikatsaka ny hanoro hevitra ny Tompo, **Jkb.** 4:10. Manoro hevitra amin-pahendrena izy amin'

ny asany rehetra, **Almà** 37:12. Efa tafakatra atỳ amiko ny fahotanareo noho ianareo mikatsaka ny hanao araka ny fombanareo ihany, **F&F** 56:14.

MANOSOTRA. *Jereo koa* Diloilo;

Fitsofan-drano ny Marary

Tamin' ny andro fahiny dia nohosoran' ny mpaminanin' ny Tompo diloilo ireo izay hisahana andraikitra manokana toa an' i Aharôna na ireo mpisorona na ireo mpanjaka izay hanapaka amin' ny Isiraely. Ankehitriny eo amin' ny Fiangonana, ny hoe manosotra dia manisy diloilo natokana indray mitete na indroa eo amin' ny lohan' olona ho toy ny tsodrano manokana. Izany dia tsy azo atao raha tsy araka ny fahefana sy ny herin' ny Fisoronana Melkizedeka. Aorian' ny fanosorana, ilay olona izay miasa araka izany fahefan' ny fisoronana izany, dia afaka mamehy io fanosorana io ary manome tsodrano manokana ho an' ilay nohosorana.

Manosora azy sy manokàna azy mba hahazoany manompo Ahy, **Eks.** 28:41 (Lev. 8:6–12, 30). Manosora azy ho mpanapaka ny Isiraely oloko, **1 Sam.** 9:16; 10:1. Ny loholona dia tokony hanosotra diloilo sy hitsodrano ny marary, **Jak.** 5:14–15 (**F&F** 42:44).

MARARY

Tsy salama na marofy. Ao amin' ny soratra masina, ny aretin' ny vatana dia ampiasaina indraindray ho tandindon' ny tsy fahampian' ny fahasalaman' ny fanahy (Isa. 1:4–7; 33:24).

Efa nohenoiniko ny fitarainanao, ary efa hitako ny ranomasonao; indro hasitrana anao Aho, **2 Mpan.** 20:1–5 (2 Tan. 32:24; Isa. 38:1–5). Jesoa dia nandeha nanasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra, **Mat.** 4:23–24 (1 Ne. 11:31; Môsià 3:5–6). Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafo-dy, fa ny marary, **Mat.** 9:10–13 (Mar. 2:14–17; Lio. 5:27–32). Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholona, **Jak.** 5:14–15. Fa hitondra

eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin' ny olony i Kristy, **Almà** 7:10–12. Nositrinan' i Jesoa ireo marary teo anivon' ny Nefita, **3 Ne.** 26:15. Amin' ny fanambatambazana fatratra no hamahanana raokandro sy hana-maivana ny marary, **F&F** 42:43 (**Almà** 46:40). Tsarovy ny marary sy ny ory amin' ny zavatra rehetra, **F&F** 52:40. Ametraho ny tananao ny marary, dia ho sitrana ireny, **F&F** 66:9.

MARIA AVY ANY BETANIA. *Jereo*

koa Lazarosy; Marta

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, anabavin' i Lazarosy sy i Marta

Nipetraka sy nihaino teo an-tongotr' i Jesoa i Maria, **Lio.** 10:39, 42. Nampaka an' i Jesoa i Maria sy i Marta rahavavin' **Jao.** 11:1–45. Nanosotra diloilo ny tongotr' i Jesoa izy, **Jao.** 12:3–8.

MARIA MAGDALENA

Vehivavy iray ao amin' ny Testamenta Vaovao izay lasa mpianatra mahatokin' i Jesoa Kristy. Ny anarana Magdalena dia avy amin' ny Magdala izay toerana niavian' i Maria. Ao amin' ny morontsiraka andrefan' ny Ranomasin' i Galilia no ahitana azy.

Teo akaikin' ny hazofijaliana izy, **Mat.** 27:56 (Mar. 15:40; Jao. 19:25). Nanatrika ny fandevenana an' i Kristy izy, **Mat.** 27:61 (Mar. 15:47). Teo amin' ny fasana izy ny marainan' ny fitsangana tamin' ny maty, **Mat.** 28:1 (Mar. 16:1; Lio. 24:10; Jao. 20:1, 11). Izy no nisehoan' i Jesoa voalohany taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty, **Mar.** 16:9 (Jao. 20:14–18). Devoly fito no nivoaka taminy, **Lio.** 8:2.

MARIA, RENIN' I JESOA. *Jereo koa*

Jesoa Kristy; Josefa, Vadin' i Maria

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, virijiny nofidian' Andriamanitra Ray mba ho renin' ny Zanany lahy ao amin' ny nofo. Nanan-janaka hafa i Maria taorian' ny nahaterahan' i Jesoa (Mar. 6:3).

Fofombadin' i Josefa izy, **Mat.** 1:18 (Lio. 1:27). Norarana i Josefa tsy hisaraka amin' i Maria na hanapaka ny fifamfoana, **Mat.** 1:18–25. Namangy an' i Maria ireo olon-kendry, **Mat.** 2:11. Nandositra niaraka tamin' i Jesoa zaza nankany Egipta i Maria sy i Josefa, **Mat.** 2:13–14. Niverina tany Nazareta ny fianakaviana rehefa maty i Heroda, **Mat.** 2:19–23. Namangy azy ny Anjely Gabriela, **Lio.** 1:26–38. Namangy an' i Elizabeta havany izy, **Lio.** 1:36, 40–45. Nanao hira fiderana ny Tompo i Maria, **Lio.** 1:46–55. Nankany Betlehema niaraka tamin' i Josefa i Maria, **Lio.** 2:4–5. Niteraka an' i Jesoa i Maria ary nampandry azy tao amin' ny fihinanam-bilona, **Lio.** 2:7. Nankany Betlehema ireo mpiandry ondry hamangy an' i Kristy zaza, **Lio.** 2:16–20. Nitondra an' i Jesoa tao amin' ny tempolin' i Jerosalema i Maria sy i Josefa, **Lio.** 2:21–38. Nitondra an' i Jesoa tamin' ny Paska i Maria sy i Josefa, **Lio.** 2:41–52. Nanatrika ilay fanambadiana tao Kana i Maria, **Jao.** 2:2–5. Nangataka an' i Jaona i Jesoa, teo amin' ny hazo fijaliana, mba hiahny ny reniny, **Jao.** 19:25–27. Niaraka tamin' ireo Apostoly i Maria taorian' ny nampakarana an' i Jesoa ho any an-danitra, **Asa** 1:14. Virijiny iray izay tsara sy kanto indrindra noho ireo virijiny hafa rehetra i Maria, **1 Ne.** 11:13–20. Maria no hiantsoana ny renin' i Kristy, **Môsià** 3:8. Virijiny sady fana-ka iray sarobidy sy nofinidy i Maria, **Almà** 7:10.

MARIA, RENIN' I MARKA. *Jereo* *koa Marka*

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, renin' i Jaona Marka izay nanoratra ny Filazantsaran' i Marka (**Asa** 12:12).

MARIA VIRIJINY. *Jereo* Maria, *Renin' i Jesoa*

MARIN-TOETRA. *Jereo* *Fahamarinan-toetra*

MARINA. *Jereo* Fahamarinana

MARITIORA

Olon a izay manome ny ainy toy izay handà an' i Kristy na ny filazantsara na ny finoana sy ny fotopampianarana marina.

Ny ra marina rehetra avy amin' i Abela ka hatramin' i Zakaria dia hiampan-ga ny olon-dratsy, **Mat.** 23:35 (Lio. 11:50). Na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny fitadiavana an' i Kristy sy ny filazantsaran' dia hamonjy izany, **Mar.** 8:35 (F&F 98:13). Ary nitorabato an' i Stefana izy ireo, **Asa** 7:59 (**Asa** 22:20). Teny foana ny didimpananana raha tsy efa maty ilay nanao azy, **Heb.** 9:16–17. Lavo i Abinadia rehefa avy niaritra ny fahafatesana tamin' ny afo, **Môsià** 17:20. Natsipy tany anaty afo ireo Amônihahita niova fo, **Almà** 14:8–11. Maro no naringana noho izy ireo nanambara ny amin' ireny zavatra ireny, **3 Ne.** 10:15. Na zovy na zovy no manolotra ny ainy noho ny Amiko, dia hahazo fiainana mandrakizay, **F&F** 98:13–14. Maritioran' ny famerenana indray ny filazantsara i Joseph Smith sy i Hyrum Smith, **F&F** 135. Nofeheziny i Joseph Smith tamin' ny rany ny tenivavolombelony, **F&F** 136:39.

MARKA. *Jereo* *koa* Filazantsara

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, i Jaona Marka dia zanakalahin' i Maria izay nonina tao Jerosalema (**Asa** 12:12); Mety ho zanak' olo-mpirahalany amin' i Barnabasy na zana-drahalahiny izy (Kol. 4:10). Niaraka tamin' i Paoly sy i Barnabasy avy any Jerosalema izy tamin' ny dia fitoriana ny filazantsara nataon' izy ireo voalohany, ary nandao azy ireo tao Perga (**Asa** 12:25; 13:5, 13). Niaraka tamin' i Barnabasy tany Kiproso izy tatỳ aoriana (**Asa** 15:37–39). Niaraka tamin' i Paoly tany Roma izy (Kol. 4:10; Filem. 1:24); ary niaraka tamin' i Petera tany Babylona (angamba Roma) (1 Pet. 5:13). Farany, niaraka tamin' i Timoty tany Efesosy izy (2 Tim. 4:11).

Ny Filazantsaran' i Marka: Boky faharoa

ao amin' ny Testamenta Vaovao. Mety ho nosoratana teo ambany fitarihan' i Petera ny Filazantsaran' i Marka. Ny tanjony dia ny haneho ny Tompo ho toy ny Zanak' Andriamanitra miaina sy miasa eo anivon' ny olona. Soritan' i Marka amin-kery sy fanetren-tena ny fahatsapan' ireo mpandinika momba an' i Jesoa. Ambaran' ny lovan-tsofina fa nivahiny tany Egypta i Marka taorian' ny nahafatesan' i Petera, ka nanorina ny fiangonana tany Aleksandria ary maty maritiora.

Ny amin' ny indray mitopy maso isaky ny toko, jereo "Filazantsara."

MARSH, THOMAS B.

Filoha voalohany tao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy taorian' ny namerenana indray ny fiangonana ny taona 1830. Nihazona ny fanalahidin' ny fanjakana mikasika ny Roambinifololahy izy (F&F 112:16) ary nodidina tamin' ny alalan' ny fanambarana, ny taona 1838, mba hamoaka ny tenin' ny Tompo (F&F 118:2). Miantefa aminy ny fizarana 31 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Nesorina tsy ho mpikamban' ny fiangonana i Marsh ny taona 1839 saingy natao batisa indray ny volana Jolay 1857.

MARTA. *Jereo koa* Lazarosy; Maria avy any Betania

Anabavin' i Lazarosy sy i Maria ao amin' ny Testamenta Vaovao (Lio. 10:38–42; Jao. 11:1–46; 12:2).

MASINA. *Jereo koa* Fahamasinana; Fanamasinana; Madio

Voatokana, manana ny toetran' Andriamanitra, na toe-panahy sy fitondran-tena madio. Ny mifanohitra amin' ny hoe masina dia izay mahazatra na izay manevateva.

Ho fanjakam-pisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo, **Eks.** 19:5–6 (1 Pet. 2:9). Nandidy ny Isiraely ny Tompo: Aoka ho masina satria masina Aho, **Lev.** 11:44–45. Ireo izay madio

tanana sy mahitsy fo no hitsangana eo amin' ny toerany masina, **Sal.** 24:3–4. Ampianaro ny oloko ny fahasamihan' ny masina sy ny manevateva, **Ezek.** 44:23. Efa niantso antsika tamin' ny antso masina Andriamanitra, **2 Tim.** 1:8–9. Hatry ny fony vao zaza ianao dia efa nahalala ny soratra masina, **2 Tim.** 3:15. Ny olona masin' Andriamanitra dia niteny araka izay nanentan' ny Fanahy Masina azy, **2 Pet.** 1:21. Ny olona rehetra dia hotsaraina araka ny fahamarinana sy ny fahamasinana izay ao amin' Andriamanitra, **2 Ne.** 2:10. Ny olona araka ny nofo dia tonga Olomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy, **Môsià** 3:19. Mandehana araka ny lamina masin' Andriamanitra, **Almà** 7:22 (Almà 13:11–12). Nohamasinina tao amin' ny nofo ny mpianatra telo ary natao masina, **3 Ne.** 28:1–9, 36–39. Aza hamaivanina ireo zava-masina, **F&F** 6:12. Tsy afaka hanoratra izay masina ianao raha tsy omena anao avy amiko izany, **F&F** 9:9. Hifehy ny tenanareo ianareo ka handeha amin' ny fahamasinana rehetra, **F&F** 43:9. Hitsangana eo amin' ny toerana masina ny mpiantatro, **F&F** 45:32. Izay tonga avy any ambony dia masina, **F&F** 63:64. Masina ireo ankizy madinika, **F&F** 74:7. Atokany io sombin-tany io ka ho masina izany, **F&F** 124:44. Hanangona ny olom-boafidy ho amin' ny tanàna masina iray ny Tompo, **Mos.** 7:62.

MASO

Ampiasaina toy ny teny an' ohatra ilazana ny fahaizan' ny olona mandray ny fahazavan' Andriamanitra mazàna ny maso ao amin' ny soratra masina. Ny maso koa dia tandindon' ny toepanahy sy ny fahatakaran' ny olona ny zavatr' Andriamanitra.

Mahitsy ny didin' ny Tompo ka manazava ny maso, **Sal.** 19:8. Mana-maso ny adala fa tsy mahita, **Jer.** 5:21 (Mar. 8:18). Ny maso no jiron' ny tena, **Mat.** 6:22 (Lio. 11:34; 3 Ne. 13:22; F&F 88:67). Sambatra ny masonareo satria mahita, **Mat.** 13:16. Hohazavaina ny

mason' ny fahatakaranareo, **Ef.** 1:17–18. Lozan' izay manao ny tenany ho hendry, **2 Ne.** 15:21 (Isa. 5:21). Nanomboka nifady hanina sy nivavaka izy ireo mba hahazoana manohitra ny mason' ny vahoaka, **Môsià** 27:22. Satana dia nanajamba ny masony, **3 Ne.** 2:2. Tsy misy olona hanana fahefana hamoahana ny Bokin' i Môrmôna raha tsy amin' ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra, **Môrm.** 8:15. Noho ny herin' ny Fanahy dia nosokafana ny masonay ary nohazavaina ny fahatakaranay, **F&F** 76:12. Ny fahazavana dia avy amin' ilay manazava ny masonareo, **F&F** 88:11. Raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitro ny masonareo, dia ho feno fahazavana ny tenanareo manontolo, **F&F** 88:67.

MATIA. *Jereo koa* Apostoly—
Fifantenana ireo Apostoly

Ilay lehilahy voafidy hisolo an' i Jodasy Iskariota ho mpikambana ao amin' ny Kôlejiny ny Apostoly Roa amin' ny folo (Asa 1:15–26). Mpianatra izy nandritra ny asa fanompoana rehetra nataon' i Jesoa teto an-tany (Asa 1:21–22).

MATIO. *Jereo koa* Filazantsara

Apostolin' i Jesoa Kristy sady mpanoratra ny boky voalohany ao amin' ny Testamenta Vaovao. I Matio dia Jiosy mpanangona hetra ho an' ny Romana tany Kapernaomy, ary azo inoana fa niasa ho an' i Heroda Antipasy. Fantatra tamin' ny anarana hoe Levy, zanak' i Alfeo izy talohan' ny niavian' fo (Mar. 2:14). Fotoana fohy taorian' ny niantsoana azy ho mpianatr' i Kristy dia nanao fanasana izay natrehin' ny Tompo izy (Mat. 9:9–13; Mar. 2:14–17; Lio. 5:27–32). Inoana fa nanana fahalalana lehibe momba ny soratra masina ao amin' ny Testamenta Taloha i Matio ary afa-nahita ny fahatanterahan' ny faminanianana amin' ny an-tsipiriany teo amin' ny fiainan' ny Tompo. Vitsy ny zava-pantatra momba ny fiainan' ity Apostoly ity tatỳ aoriana. Ambaran' ny lovan-tsofina iray fa maty maritiora izy.

Ny Filazantsaran' i Matio: Boky voalohany amin' ny Testamenta Vaovao. Azo inoana fa ho an' i Jiosy tao Palestina no nanoratana voalohany ny Filazantsaran' i Matio. Mampiasa andalan-tsoratra maro ao amin' ny Testamenta Taloha izy. Ny voalohan-tanjon' i Matio dia ny haneho fa i Jesoa no ilay Mesia ambaran' ireo mpaminanin' ny Testamenta Taloha. Hamafisiny ihany koa fa i Jesoa no Mpanjaka sy Mpitsara ny olona.

Ny amin' ny indray mitopy maso isaky ny toko, jereo “Filazantsara.”

MATOKY. *Jereo koa* Finoana;
Fitokiana, Fitokisana

Miankina na mametraka ny fitokiana amin' ny olona na amin' ny zavatra iray. Amin' ny raharaham-panahy, ny toky dia mirakitra fiankinana amin' Andriamanitra sy ny Fanahiny.

Na dia hamono ahy aza izy, mbola hantena Azy ihany aho, **Joba** 13:15. Matokia ny Tompo amin' ny fonao rehetra, **Ohab.** 3:5. Nanafaka ny mpamongpony izay natoky Azy Andriamanitra, **Dan.** 3:19–28. Hatoky Anao mandrakizay aho, **2 Ne.** 4:34. Mifalia, ary apetraho amin' Andriamanitra ny fitokianareo, **Môsià** 7:19. Na zovy na zovy no mametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra, dia izy no hasandratra amin' ny andro farany, **Môsià** 23:22. Na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny fizahan-toetra azy, **Almà** 36:3, 27. Aza mitoky amin' ny sandry nofo, **F&F** 1:19. Apetraho amin' ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokiana, **F&F** 11:12. Aoka izy hitoky Amiko dia tsy hangaihay, **F&F** 84:116.

MATY, FAMONJENA HO AN' NY.
Jereo Famonjena ho an' ny Maty

MATY MARITIORA. *Jereo* Maritiora

MELKIZEDEKA. *Jereo koa*
Fisoronana Melkizedeka; Salema

Mpisorona avo, mpaminany, ary mpi-

tondra lehibe ao amin' ny Testamenta Taloha izay niaina taorian' ny safodrano, tamin' ny andron' i Abrahama. Nantsoina hoe mpanjakan' i Salema (Jerusalem), mpanjakan' ny fiadanana, mpanjakan' ny fahamarinana (izay midika hoe Melkizedeka amin' ny teny Hebreo), ary mpisoron' Andriamanitra avo indrindra izy.

Nandoa fahafolonkarena tamin' i Melkizedeka i Abrahama, **Gen.** 14:18–20. Niasa fahamarinana ny vahoakan' i Melkizedeka ary nahazo ny lanitra, **DJS, Gen.** 14:25–40. Mpisorona avo araka ny lamin' i Melkizedeka i Kristy, **Heb.** 5:6. Mpanjakan' i Salema sy mpisoron' Andriamanitra avo indrindra i Melkizedeka, **Heb.** 7:1–3. Tsy nisy lehibe noho i Melkizedeka, **Almà** 13:14–19. Nandray ny fisoronana tamin' i Melkizedeka i Abrahama, **F&F** 84:14. Noho ny fanajana ny anaran' ny Tompo, dia fisoronana Melkizedeka no niantsoan' ny fiangonana fahiny ny fisoronana avo kokoa, **F&F** 107:1–4.

MENARANA VARAHINA. *Jereo* *koa Jesoa Kristy; Mosesy*

Menarana varahina nataon' i Mosesy noho ny didin' Andriamanitra mba hanasitranana ireo Isiraelita nokaikerin' ny menaran' afo (menarana mamoaka poizina) tany an-tany foana (Nom. 21:8–9). Nahantona tamin' ny hazo lava izany menarana izany, ary "na zovy na zovy no ho nijery izany dia ho velona" (**Almà** 33:19–22). Nilaza ny Tompo fa ny fanandratanana ilay menarana tany an-tany efitra dia tandindon' ny fanandratanana ny tenany eo amin' ny hazofijaliana (Jao. 3:14–15). Hamafisin' ny Fanambaran' ny Andro Farany ny tantaran' ny menaran' afo sy ny fomba nanasitranana ny olona (1 Ne. 17:41; 2 Ne. 25:20; Hel. 8:14–15).

MENDRIKA. *Jereo koa* Fahamarinana

Marin-toetra sady ankasitrahana eo imason' Andriamanitra sy eo imason' ireo mpitondra notendreny.

Izay tsy mitondra ny hazo fijaliany dia

tsy mendrika ho Ahy, **Mat.** 10:38. Ny mpiasa mendrika hahazo ny karamany, **Lio.** 10:7 (**F&F** 31:5). Fa izaho kosa ny hanao ny zava-drehetra amim-pahamendrehana, **Môrm.** 9:29. Ary tsy natao batisa izy ireo raha tsy mendrika izany, **Môrô.** 6:1. Izay midonana-poana dia tsy hisaina ho mendrika ny hahazo sitraka, **F&F** 107:100. Izay tsy hizaka famaizana dia tsy mendrika ny fanjakako, **F&F** 136:31. Nomena ny lehilahy marina rehetra mpikambana ny fisoronana, **F&F** FO—2.

MESAKA. *Jereo koa* Daniela

Ao amin' ny Testamanta Taloha, i Sadraka sy i Mesaka ary i Abed-nego dia zatovo Isiraelita telolahy izay nentina niaraka tamin' i Daniela nankao andapan' i Nebokadnezara mpanjakan' i Babylona. Misaela no anarana Hebreo nentin' i Mesaka. Nandà ny handoto ny tenany amin' ny fihinanana ny sakafo sy ny divain' ny mpanjaka ireo zatovolahy efatra ireo (Dan. 1). Natsipin' ny mpanjaka tao anaty lafaoro mirehitra afo i Sadraka sy i Mesaka ary i Abed-nego ary narovan' ny Zanak' Andriamanitra (Dan. 3).

MESIA. *Jereo koa* Ilay Voahosotra; *Jesoa Kristy*

Voambolana Aramaika sy Hebreo izay midika hoe "ilay voahosotra." Ao amin' ny Testamenta Vaovao dia i Kristy, izay mitovy dika amin' ny *Mesia* amin' ny teny Grika, no iantsoana an' i Jesoa. Ny heviny dia ilay Mpaninany, Mpisorona, Mpanjaka ary Mpanafaka voahosotra izay nandrasan' i Jiosy fatratra ny fiaviany.

Jiosy maro no tsy niandrandra afa-tsy olona hanafaka azy tamin' ny fahefana Romana sy ny hampiroborobo kokoa ny firenena; koa, rehefa tonga ny Mesia dia nitsipaka Azy ny mpitondra sy ny maro hafa. Ireo nanetry tena sy nahatoky ihany no afa-nahita an' Ilay Kristy marina tao amin' i Jesoa avy any Nazareta (Isa. 53; Mat. 16:16; Jao. 4:25–26).

Ny Mesia dia hanana ny Fanahy,

hitory ny filazantsara, ary hitory ny fahafahana, **Isa.** 61:1–3 (Lio. 4:18–21). Nahita ny Mesia izahay, izay atao hoe, raha adika, ny Kristy, **Jao.** 1:41 (Jao. 4:25–26). Andriamanitra dia nanangana teo anivon' ny Jiosy ny Mesia, na raha lazaina amin' ny teny hafa, ny Mpamonjy, **1 Ne.** 10:4. Ny Zanak' Andriamanitra dia ny Mesia izay ho avy, **1 Ne.** 10:17. Ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' ny Mesia Masina sy ao Aminy, **2 Ne.** 2:6. Ho avy ny Mesia amin' ny fahafenoan' ny fotoana, **2 Ne.** 2:26. Hitsangana amin' ny maty ny Mesia, **2 Ne.** 25:14. Amin' ny anaran' ny Mesia no tolorako ny Fisoronana Aharôna, **F&F** 13:1. Hoy ny Tompo: Izaho no Mesia, ny Mpanjakan' i Ziona, **Mos.** 7:53.

METOSELA. *Jereo koa* Enoka

Zanakalahin' i Enoka ao amin' ny Testamenta Taloha. Niaina 969 taona i Metosela (Gen. 5:21–27; Lio. 3:37; Mos. 8:7). Izy no ilay mpaminany marintoetra nijanona teto an-tany rehefa nakarina ho any an-danitra ny tanànan' i Enoka. Nijanona teto an-tany izy hanome taranaka izay nivoahan' i Noa (Mos. 8:3–4).

METY MATY. *Jereo koa* Fahafatesan' ny Vatana; Fahalavoan' i Adama sy i Eva; Izao Tontolo Izao; Vatana

Fotoana manomboka amin' ny fahate-rahana ka hatramin' ny fahafatesan' ny vatana. Antsoina koa hoe toetra faharoa izany indraindray.

Fa amin' ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao, **Gen.** 2:16–17 (Mos. 3:16–17). Amin' ny fahafatesana, ny vatana dia hiverina ho vovoky ny tany, fa ny fanahy hiverina amin' Andriamanitra, **Mpito.** 12:7 (Gen. 3:19; Mos. 4:25). Koa aza avela ny ota hanjaka amin' ny tenanareo mety maty, **Rom.** 6:12. Ity mety maty ity dia tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana, **1 Kor.** 15:53 (Enô. 1:27; Môsià 16:10; Môrm. 6:21). Nanjary toetry ny fisedrana ny toetry ny olona, **2 Ne.** 2:21 (Almà 12:24; 42:10).

Lavo i Adama mba hisian' ny olona, **2 Ne.** 2:25. Moa va ianareo miandrindra ary mahita ity vatana mety maty ity atsangana ao amin' ny tsy fahafatesana? **Almà** 5:15. Fa izao fiainana izao no fotoana hiomanana hihaonana amin' Andriamanitra, **Almà** 34:32. Koa aza matahotra na dia ny ho faty aza; fa eo amin' izao tontolo izao dia tsy feno ny fifalianareo, **F&F** 101:36. Ireo izay mitana ny toetrany faharoa dia hanana voninahitra, **Abr.** 3:26.

MIAIKY. *Jereo koa* Fibe-bahana; Mamela

Manana hevitra roa farafahakeliny ny teny hoe *fiekena* ao amin' ny soratra masina. Amin' ny heviny anankiray, ny hoe miaiky dia milaza ny finoany zavatra iray, toy ny hoe miaiky fa i Jesoa no Kristy (Mat. 10:32; Rom. 10:9; 1 Jn. 4:1–3; F&F 88:104).

Amin' ny heviny anankiray hafa, ny hoe miaiky dia mitsotra ny hadisoan' ny tena, toy ny miaiky ny fahotana. Adidin' ny olon-drehetra ny miaiky ny fahotany rehetra amin' ny Tompo ary mahazo avy Aminy ny famelana ny helony (F&F 58:42–43). Tokony hibabohana amin' ny olona nanaovana hadisoana ireo ota rehefa ilaina izany. Ny hadisoana bevava dia tokony hibabohana amin' ny mpitondra Fianganana (amin' ny eveka amin' ny ankapobeny).

Hiaiky izy fa efa nanota, **Lev.** 5:5. Hiaiky ny helony izy, **Lev.** 26:40–42. Omeo voninahitra ny Tompo Andriamanitry ny Israely ka mitsora aminy. **Jos.** 7:19. Nataony batisa teo Jordana ny olona rehefa niaiky ny fahotany, **Mat.** 3:5–6. Ny mpandika lalàna izay miaiky ny fahotany dia havela heloka, **Môsià** 26:29. Miaike ny fahotanao fandrao hiharan' ny famaizana ianao, **F&F** 19:20. Ny olona mibebaka dia hiaiky sy hahafoy ny fahotany, **F&F** 58:43. Ny Tompo dia mamindra fo amin' ireo izay miaiky ny fahotany amin' ny fietren' ny fo, **F&F** 61:2. Ny Tompo dia mamela ny fahotan' ireo izay miaiky sy mangataka famelana, **F&F** 64:7.

MIALONA. *Jereo koa Mitsiriritra;*
Saro-piaro

Araka ny soratra masina, ny maniry zavatra izay an' olona dia ratsy.

Feno fialonana ireo patriarika ka niva-
rotra an' i Josefa tany Egipta, **Asa** 7:9.
Ny fitiavana tsy mialona, **1 Kor.** 13:4
(Môrô. 7:45). Ny fialonana dia avy
amin' ny fiavonavonana, **1 Tim.** 6:4.
Fa izay misy fialonana dia misy fikoron-
tanana mbamin' ny asa ratsy rehetra,
Jak. 3:16. Nandidy ny olona ny Tompo
tsy hialonany, **2 Ne.** 26:32. Tsy nisy
fialonana teo anivon' ny vahoakan' i
Nefia, **4 Ne.** 1:15–18. Ny fialonana sy
ny fisafahaky ny olona no zavatra
fahitako nandritra ny androm-piaina-
ko rehetra, **F&F** 127:2.

MIAMBINA. *Jereo Mpiambina*

MIANTSO. *Jereo Antso, Antsoin'*
Andriamanitra

MIBEBAKA. *Jereo Fibebahana*

MIDONANA-POANA

Mitomoe-poana sady tsy mirotsaka
amin' ny asa tsara.

Raha misy tsy te hiasa dia tsy tokony
hihinana izy, **2 Tes.** 3:10. Nanjary va-
hoaka midonana-poana izy ireo, feno
fitaka, **2 Ne.** 5:24. Fadio ny fidonana-
ham-poana, **Almà** 38:12. Izay midona-
na-poana dia tsy hihinana ny mofon'
ny mpiasa, **F&F** 42:42. Lozan' izay tsy
te hiasa amin' ny tanany, **F&F** 56:17.
Aoka hazoto hirotsaka amin' ny tanjona
tsara, **F&F** 58:27. Atsaharo ny fidona-
na-poana, **F&F** 88:124.

MIFADY HANINA. *Jereo*
Fifadian-kanina

MIFIDY. *Jereo Voafidy*

MIHAINO. *Jereo koa Mankatò;*
Sofina

Mandre sy mankatò ny feo na ny
fampianaran' ny Tompo.

Hanangana mpaminany iray tahaka
azy ny Tompo, ary hohoininareo izy,
Deot. 18:15. Ny mihaino dia tsara
kokoa noho ny saboran' ny ondrilahy
atao fanatitra, **1 Sam.** 15:20–23. Tsy
nohoininay ireo mpaminany mpanom-
pon' ny Tompo, **Dan.** 9:6. Ny marina
izay mihaino ny tenin' ny mpaminany
dia tsy ho faty, **2 Ne.** 26:8. Raha tsy te
hihaino ny feon' ilay mpiandry ondry
tsara ianareo, dia tsy ondriny ianareo,
Almà 5:38 (Hel. 7:18). Mihainoa iana-
reo ô ry vahoakan' ny fiangonako,
F&F 1:1. Ireo izay mihaino ny feon' ny
Fanahy dia voazava ary manatona ny
Ray, **F&F** 84:46–47. Nitaredretra izy
ireo hihaino ny Tompo; koa nitaredre-
tra Izy hihaino ny fivavany, **F&F**
101:7–9. Faizina ireo izay tsy mankatò
ny didy, **F&F** 103:4 (Mos. 4:4).

MIHEVITRA HO. *Jereo koa*
Fanajana; Manaja

Fiheverana ny olona na ny zavatra ho
manana vidy sy lanja, indrindra fa eo
amin' ny sehatry ny filazantsara.

Nohamavoina Izy ary tsy mba na-
hoantsika, **Isa.** 53:3–4. Izay heverin'
ny olona ho ambony tokoa dia fahave-
tavetana eo imason' Andriamanitra,
Lio. 16:15. Aoka ny tsirairay hihevitra
ny hafa ho tsara kokoa noho ny tena-
ny, **Filip.** 2:3. Iray ihany no fihevitra
ny Tompo ny nofo rehetra, **1 Ne.** 17:35.
Tokony hihevitra ny namany ho toy
ny tenany ny olona tsirairay, **Môsià**
27:4 (**F&F** 38:24–25). Tamin' ny an-
drom-piadanany dia hamaivaniny ny
torohevitra, **F&F** 101:8.

MIHIRA. *Jereo koa Hiram-piderana;*
Mozika

Midera sy mankalaza an' Andriama-
nitra amin' ny hira sy ny andalan-kira.

Mankalazà an' ny Tompo, **1 Tan.** 16:23–
36 (Sal. 96). Mankalazà an' ny Tompo,
ary misaora Azy, **Sal.** 30:4. Mihobia ho
an' ny Tompo, **Sal.** 100:1. Ary rehefa
nihira fiderana izy ireo, dia lasa nan-
kany amin' ny Tendrombohitra Oliva,
Mat. 26:30. Nitarika azy hihira ny

Fanahy Masina, **Môrô**. 6:9. Ny hiran' ny marina dia vavaka ho Ahy, **F&F** 25:12. Raha faly ianao dia miderà ny Tompo amin' ny fihirana, **F&F** 136:28.

MIJORO HO VAVOLOMBELONA.

Jereo koa Fijoroana ho Vavolombelona

Mijoro ho vavolombelona amin' ny herin' ny Fanahy Masina; manao fanambarana matotra ny amin' ny fahamarinana, mifototra amin' ny fahalalana na finoan' ny tena manokana.

Ny mpampionona no ho vavolombelona hanambara ahy, **Jao**. 15:26. Nandidy anay hitory sy hanambara Izy, **Asa** 10:42. Vavolombelona telo no hanambara ny fahamarinana, **2 Ne**. 27:12. Ny herin' ny Fanahy Masina dia mitondra izany hankany am-pon' ny zanak' olombelona, **2 Ne**. 33:1. Vavolombelona manambara an' i Kristy ny soratra masina, **Jkb**. 7:10–11 (**Jao**. 5:39). Indro, manambara aminareo aho satria fantatro fa ireny zavatra izay efa voalazako ireny dia marina, **Almà** 5:45 (**Almà** 34:8). Hijoro ho vavolombelon' ireo ianareo amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra, **F&F** 17:3–5. Mba tiako ny hanaovanareo izay rehetra ambaran' ny Fanahy anareo, **F&F** 46:7. Naniraka anareo Aho ho vavolombelona manambara sy hampitandrina, **F&F** 88:81.

MIKA

Mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha. Avy any Moreseta Gata, tany lemak' i Joda izy ary naminany tamin' ny fotoana nanjakan' i Hezekia (**Mika** 1:1–2).

Ny bokin' i Mika: Ny Mika no hany boky ao amin' ny Testamenta Taloha manondro ny anaran' i Betlehema ho ilay toerana hahaterahan' ny Mesia (**Mika** 5:2). Ao amin' izany boky izany no niresahan' ny Tompo tamin' ny olony sy nampahatsiahivany azy ny hatsaram-pony taminy; nitakiany fahamarinana, famindram-po ary fanetren-tena tamin' izy ireo (**Mika** 6:8).

MIKAELA. *Jereo koa Adama; Arianjely*

Anarana nahafantarana an' i Adama tany amin' ny fiainana talohan' ny fiainana an-tany. Nantsoina hoe “ilay Arianjely” izy. “Ilay mitovy amin' Andriamanitra” no dikan' izany anarana izany amin' ny teny Hebreo.

Tonga nanampy an' i Daniela i Mikaela, anankiray amin' ireo andriana lehibe, **Dan**. 10:13, 21 (**F&F** 78:16). Amin' ny andro farany dia hitsangana i Mikaela, ilay andrian-dehibe, **Dan**. 12:1. Nifanditra tamin' ny devoly i Mikaela arianjely, **Joda** 1:9. Niady tamin' ny dragona i Mikaela sy ny anjely, **Fan**. 12:7 (**Dan**. 7). I Adama no Mikaela, **F&F** 27:11 (**F&F** 107:53–57; 128:21). Hitsoka ny trompetrany i Mikaela, ilay arianjelin' ny Tompo, **F&F** 29:26. Hanangona ny miaramilany i Mikaela ary hiady amin' i Satana, **F&F** 88:112–115. Re namantatra ny devoly ny feon' i Mikaela, **F&F** 128:20.

MIMONOMONONA. *Jereo koa Fikomiana*

Manakiana sy mitaraina ny amin' ny tanjon' Andriamanitra, na ny drafiny na ny mpanompony.

Nimonomonona tamin' i Mosesy ny vahoaka, **Eks**. 15:23–16:3. Dia nimonomonona tamin' i Jesoa ny Jiosy, **Jao**. 6:41. Nimonomonona tamin-javatra maro i Lamàna sy i Lemoela, **1 Ne**. 2:11–12 (**1 Ne**. 3:31; 17:17). Aza mimonomonona noho ireo zavatra izay tsy hitanao, **F&F** 25:4.

MINO. *Jereo Finoana*

MIOLEKA. *Jereo koa Zedekia*

Zanakalahin' ny mpanjaka Zedekia ao amin' ny Testamenta Taloha (tokony ho ny 589 talohan' i j.k.). Milaza ny Baiboly fa novonoina avokoa ireo zanakalahin' i Zedekia (2 Mpan. 25:7), saingy hazavain' ny Bokin' i Môrmôna fa afa-bela i Mioleka (**Hel**. 8:21).

Taranak' i Mioleka i Zarahemlà, **Môsià**

25:2. Nikambana tamin' ny Nefita ny vahoakan' i Mioleka, **Môsià** 25:13. Nitondra an' i Mioleka nankany amin' ny tany avaratra ny Tompo, **Hel.** 6:10. Novonoina avokoa ny zanakalahin' i Zedekia afa-tsy i Mioleka, **Hel.** 8:21.

MIOZONA. *Jereo* Faniratsirana; Fianianana; Manevateva

MIRIAMA. *Jereo* koa Mosesy

Ao amin' ny Testamenta Taloha, anabavin' i Mosesy (Nom. 26:59).

Niambina ny fiara zozoro, **Eks.** 2:1–8. Nitarika ireo vehivavy nitondra ampongatapaka, **Eks.** 15:20–21. Nimonomonona tamin' i Mosesy ka nokapohina tamin' ny habokana, ary nositrantina avy eo, **Nom.** 12:1–15 (Deot. 24:9).

MISAINTSAINA. *Jereo* koa Fanambarana; Vavaka

Mandinika sy mieritreritra lalina, matetika momba ny Soratra Masina na ny zavatra hafa an' Andriamanitra. Mety hitondra fanambarana sy fahatakarana ny fisaintsainana ny zavatr' Andriamanitra rehefa arahim-bavaka.

I Maria kosa nieritreritra izany teny rehetra izany tao am-pony, **Lio.** 2:19. Raha mbola nipetraka nisaintsaina tao am-poko aho, dia nentina tao amin' ny Fanahy, **1 Ne.** 11:1. Misaintsaina ny Soratra Masina ny foko, **2 Ne.** 4:15. Nandeha tamin' ny lalany i Nefia, nisaintsaina ny zavatra izay efa nasehon' ny Tompo, **Hel.** 10:2–3. Modia any antranonareo, ary saintsaino ny zavatra izay efa nolazaiko, **3 Ne.** 17:3. Tsarovy ny naha-feno famindram-po ny Tompo ary saintsaino ao am-ponareo izany, **Môrô.** 10:3. Saintsaino ny amin' ny zavatra izay efa noraisinao, **F&F** 30:3. Ary raha mbola nisaintsaina ireo zavatra ireo izahay, dia nikasika ny mason' ny fahatakarany ny Tompo, **F&F** 76:19. Nipetraka tao an' efitranoko aho nisaintsaina ny momba ny Soratra Masina, **F&F** 138:1–11. Nieritreritra izany ombieny ombieny aho, **JS—T** 1:12.

MISAOTRA. *Jereo* koa Fitahiana; Fitsaohana

Fankasitrahana noho ny fitahiana azo tamin' Andriamanitra. Mahafaly an' Andriamanitra ny fanehoana fankasitrahana, ary ampahany amin' ny fivavahana marina ny fisaorana Azy. Toko-ny hisaotra ny Tompo amin' ny zava-drehetra isika.

Tsara ny hiderana ny Tompo, **Sal.** 92:1. Aoka hankeo anatrehany amin' ny fiderana isika, **Sal.** 95:1–2. Misaora Azy, mankalazà ny Anarany, **Sal.** 100:1–5. Aza mitsahatra misaotra, **Ef.** 1:15–16. Aoka ho feno fisaorana hianareo, **Kol.** 3:15. Ny saotra sy ny voninahitra sy ny fisaorana sy ny haja anie ho an' Andriamanitsika, **Fan.** 7:12. Ô tsy mainka va ny tokony hisaoranareo ny Mpanjakanareo any an-danitra, **Môsià** 2:19–21. Miainà ao amin' ny fanati-tsaotra isan' andro, **Almà** 34:38. Ary rehefa miarina ianao amin' ny maraina, aoka ny fonao ho feno fisaorana an' Andriamanitra, **Almà** 37:37. Tokony hanao ny zavatra rehetra amin' ny vavaka sy ny fankasitrahana ianareo, **F&F** 46:7. Tsy maintsy manolotra fisaorana an' Andriamanitra ianareo, **F&F** 46:32. Ataovy amim-pisaorana ireo zavatra ireo, **F&F** 59:15–21. Raisiny avy amin' ny tanan' ny Tompo izany fitahiana izany, amin' ny fo feno fisaorana, **F&F** 62:7. Ary izay mandray ny zava-drehetra amin' ny fankasitrahana dia hatao be voninahitra, **F&F** 78:19. Misaora amin' ny zava-drehetra, **F&F** 98:1 (1 Tes. 5:18). Miderà ny Tompo amin' ny vavaka fiderana sy ny fanateran-tsaotra, **F&F** 136:28.

MISOTRO TOAKA. *Jereo* Tenin' ny Fahendrena

MISSOURI. *Jereo* Jerosalema Vaovao

MISTERIN' ANDRIAMANITRA

Ny misterin' Andriamanitra dia ireo fahamarinana ara-panahy tsy hay fantarina afa-tsy amin' ny alalan' ny

fanambarana. Mamboraka ireo misterin' amin' ireo izay mankatò ny filazantsara Andriamanitra. Mbola hambara ny misterin' Andriamanitra sasany.

Navela ianareo hahalala ny zava-miafina ny amin' ny fanjakan' ny lanitra, **Mat.** 13:11. Na dia mahalala ny zava-miafina rehetra aza aho, ka tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho, **1 Kor.** 13:2. Nandray fahalalana be momba ny misterin' Andriamanitra i Nefia **1 Ne.** 1:1. Efa nomena ny maro ny hahalala ny misterin' Andriamanitra, **Almà** 12:9. Ny toa azy no nomena mba hahalala ny misterin' Andriamanitra, **Almà** 26:22. Ireo mystery ireo dia tsy mbola ampahalalaina ahy tanteraka, **Almà** 37:11. Misy maro ny mystery izay tsy misy mahalala afa-tsy Andriamanitra ihany, **Almà** 40:3. Akory ny halehiben' ny misterin' ny toetra araka an' Andriamanitra, **F&F** 19:10. Raha mangataka ianao dia handray fanambarana ary hahafantatra ireo misterin' ny fanjakana, **F&F** 42:61, 65 (1 Kor. 2:7, 11–14). Fa izay mitandrana ny didy no homena ny misterin' ny fanjakana, **F&F** 63:23. Ary amin' ireo no hamparako ny mystery rehetra, **F&F** 76:7. Ny fisoronana ambony dia mihazona ny fanalahidin' ny misterin' ny fanjakana, **F&F** 84:19. Rehefa ho avy ny Tompo, dia hambarany ny zavatra rehetra izay tsy misy olona nahafantatra, **F&F** 101:32–33. Ny Fisoronana Melkizedeka dia manana ny tombontsoa handray ny misterin' ny fanjakan' ny lanitra, **F&F** 107:19.

MITAHY. *Jereo Fitahiana*

MITAONA. *Jereo Fitaoman' ny Fanahy*

MITORY. *Jereo koa Asa Fitoriana; Filazantsara*

Mitondra hafatra izay manome fahatakarana bebe kokoa ny fitsipika na fotopampianaran' ny filazantsara.

Ny Tompo efa nanosotra ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny mpandefi-

tra, **Isa.** 61:1 (Lio. 4:16–21). Mitsangàna, ka mankanesa any Ninive, ary mitoria aminy, **Jona** 3:2–10. Ary tamin' izany andro izany, dia nanomboka nitory teny i Jesoa, **Mat.** 4:17. Mandehana amin' izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra, **Mar.** 16:15. Izahay mitory an' i Kristy voahombo tamin' ny hazo fijaliana, **1 Kor.** 1:22–24. Nandeha ary nitory teny tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina Izy, **1 Pet.** 3:19. Ary tsy nisy afa-tsy ny fitoriana no hanairana azy lalandava ka hitanana azy amin' ny fahatahorana ny Tompo, **Enô.** 1:23. Izy dia nandidy azy ny tsy hitoriany afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo, **Môsià** 18:20. Ny fitorian-teny dia nanana fironana lehibe hitarika ny olona hanao izay marina, **Almà** 31:5. Tsy tokony hihevitra ianao fa antsoina hitory, raha tsy efa antsoina ianao, **F&F** 11:15. Tsy homena na iza na iza ny handeha hitory ny filazantsarako raha tsy natokana izy, **F&F** 42:11. Ary izany filazantsara izany dia hotorina amin' ny firenena rehetra, **F&F** 133:37. Nanomboka notoriana hatrany am-piandohana ny Filazantsara, **Mos.** 5:58.

MITSARA. *Jereo Fitsarana*

MITSIRIRITRA. *Jereo koa Manarana ny Filan' ny Nofo; Mialona*

Ny mitsiriritra, araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina dia ny mialona olona na ny maniry fatratra ny hahazo zavatra iray.

Tsy hitsiriritra ianao, **Eks.** 20:17 (Deot. 5:21; **Môsià** 13:24; **F&F** 19:25). Aoka ny fonao tsy haniry ny hatsaran-tarehiny, **Ohab.** 6:25. Izay mankahala ny fitsiriritana dia ho ela velona, **Ohab.** 28:16. Nitsiriritra saha izy ka naka izany, **Mika** 2:2. Izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahady, **Mat.** 5:28 (3 Ne. 12:28). Mitandrema amin' ny fitsiriritana, **Lio.** 12:15. Ny lehilahy maimay tamin' ny fifampilany, **Rom.** 1:27. Hoy ny lalàna: Tsy hitsiriritra

ianao, **Rom.** 7:7. Amin' ny andro farany ny olona ho matimatin-karena, **2 Tim.** 3:1–2. Hamory mpampianatra ho azy araka ny filany izy, **2 Tim.** 4:3–4. Nony nahita ny fanananay i Labàna, dia nitsiriritra izany izy, **1 Ne.** 3:25. Aza mandeha intsony araka ny fitsiriritan' ny masonao, **Almà** 39:3–4, 9. Tsy hitsiriritra ny fanananao ihany ianao, **F&F** 19:26. Izay mijery vehivavy ka mitsiriritra azy dia handà ny finoana, **F&F** 42:23. Atsaharo ny fanirianareo ara-nofa rehetra, **F&F** 88:121. Atsaharo ny fitsiriritana, **F&F** 88:123. Aza mitsiriritra izay an' ny rahalahinareo, **F&F** 136:20.

MITSO-DRANO. *Jereo* Fitahiana

MOABA. *Jereo* koa Lota

Tany iray tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha izay tao atsinanan' ny Ranomasina Maty. Taranak' i Lota ny Moabita ary mpihavana amin' ny Isiraely. Nanana fiteny mitovy amin' ny Hebreo izy. Niady tsy nitsahatra ny Moabita sy ny Israelita (Mpts. 3:12–30; 11:17; 2 Sam. 8:2; 2 Mpan. 3:6–27; 2 Tan. 20:1–25; Isa. 15).

MOFON' AINA. *Jereo* koa Fanasan' ny Tompo; Jesoa Kristy

Jesoa Kristy no mofon' aina. Ny mofo amin' ny fanasan' ny Tompo dia sary an' ohatra anehoana ny vatan' i Kristy.

Izaho no mofon' aina, **Jao.** 6:33–58. Mihinàna sy misotroa amin' ny mofo sy ny ranon' aina, **Almà** 5:34. Ny mofo dia ho fahatsiarovana ny vatan' i Kristy, **3 Ne.** 18:5–7. Ny mofo dia tandindon' ny nofon' i Kristy, **F&F** 20:40, 77 (Môrô. 4:1–3).

MÔRMÔNA. *Jereo* koa Fiangonan' i Jesoa Kristy; Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny

Ny anaram-bosotra *Môrmôna* dia noforonin' ny olona tsy mpikambana ao amin' ny fiangonana ho enti-miantso ny mpikamban' ny Fiangonan' i Jesoa

Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Avy amin' ny boky soratra masina ilay anarana, izay nangonin' i Môrmôna mpaminany fahiny ary nomena ny lohateny hoe Bokin' i Môrmôna. “Olomasina” no anarana nomen' ny Tompo ahafantarana ny mpikamban' ny fiangonana. Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no anaran' ny fiangonana ara-dalàna.

MÔRMÔNA, BOKIN' I. *Jereo* Bokin' i Môrmôna

MÔRMÔNA, MPAMINANY NEFITA. *Jereo* koa Bokin' i Môrmôna

Mpaminany Nefita, jeneraly amin' ny tafika, ary mpitahiry rakitsoratra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Niaina tamin' ny 311–385 taorian' i j.k. i Môrmôna (Môrm. 1:2, 6; 6:5–6; 8:2–3). Mpitari-tafika izy nandritra ny ankamaroan' ny androm-piainany, nanomboka tamin' ny faha-dimy ambin' ny folo taonany (Môrm. 2:1–2; 3:8–12; 5:1; 8:2–3). Nampianatra an' i Môrmôna i Amarôna ho fanomanana azy hiandraikitra sy hitana rakitsoratra (Môrm. 1:2–5; 2:17–18). I Môrmôna, rehefa avy nanoratra ny tantara tamin' ny androam-piainany, dia namintina tao amin' ny takelak' i Môrmôna ny takelaka lehiben' i Nefia. Nomeny hotandreman' i Môrônia zanany lahy izany rakitsoratra masina izany tatỳ aoriana. Ampahany amin' ny rakitsoratra nandikan' i Joseph Smith ny Bokin' i Môrmôna ireo takelaka ireo.

Ny tenin' i Môrmôna: Boky kely ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Eo anelanelan' ny teny farany nataon' i Amalekia ao amin' ny Bokin' i Ômnia sy ny voalohan-teny ao amin' ny Bokin' i Môsià no nampidirin' i Môrmôna, mpamoka ireo takelaka rehetra, io boky kely io. (Jereo ny “fanazavana fohy momba ny Bokin' i Môrmôna” ao amin' ny fanombohan' ny Bokin' i Môrmôna).

Ny bokin' i Môrmôna: Boky iray mano-

kana ao amin' ny rakitsoratra masina fantatra amin' ny anarana hoe "Ny Bokin' i Môrmôna." Toko 1–2: milaza ny amin' i Amarôna, mpaminany Nefita, manoro an' i Môrmôna ny toerana sy ny fotoana hakana ny takelaka. Nomboka ihany koa ireo ady lehibe, ary nesorina ireo Nefita telolahy noho ny haratsian' ny olona. Toko 3–4: mitantara an' i Môrmôna miantso fibebahana amin' ny olona: saingy efa donto izy ireo, ary haratsiana lehibe noho izay efa nisy teo amin' i Isiraely no nanjaka. Toko 5–6: mirakitra ny ady farany teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Maty niaraka tamin' ny ankabeazan' ny firenena Nefita i Môrmôna. Ao amin' ny toko 7, talohan' ny hahafatesany i Môrmôna dia niantso ny olona tamin' izany sy amin' ny ho avy—mba hibe-baka. Toko 8–9: milaza fa i Môrônia zanakalahin' i Môrmôna no sisa tavela. Nanoratra ny sehatra farany amin' ny fahafatesana sy vonoan' olona izay nahitana ny faharinganan' ny vahoaka Nefita izy, ary nanoratra hafatra ho an' ny taranaka ho avy sy ireo izay hamaky io rakitsoratra io.

MÔRÔNIA, KAPITENY. *Jereo koa*

Fanevan' ny Fahafahana

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpitari-tafika marin-toetra Nefita izay niaina tamin' ny 100 talohan' i J.K.

Voatendry ho lohan' ny kapiteny tao amin' ny tafiky ny Nefita rehetra i Môrônia, **Almà** 43:16–17. Nanentana ny miaramila Nefita hiady ho an' ny fahafahany, **Almà** 43:48–50. Nanao fanevan' ny fahafahana avy amin' ny vorotry ny kapaotiny, **Almà** 46:12–13. Lehilahin' Andriamanitra, **Almà** 48:11–18. Tezitra tamin' ny governemanta noho ny tsy firaharahian' izy ireo ny momba ny fahafahan' ny tany, **Almà** 59:13.

MÔRÔNIA, ZANAKALAHIN' I

MÔRMÔNA. *Jereo koa* Bokin' i Môrmôna; Môrmôna, Mpaminany Nefita

Mpaminany Nefita farany ao amin'

ny Bokin' i Môrmôna (tokony ho ny 421 taorian' i J.K.). I Môrmôna talohan' ny hahafatesany dia nanome an' i Môrônia zanany lahy ny rakitantara antsoina hoe takelak' i Môrmôna (TiM 1:1). I Môrônia no namarana ny fanangonana ny takelak' i Môrmôna. Izy no nanovana ny toko faha-8 sy faha-9 amin' ny bokin' i Môrmôna (Môrm. 8:1). Izy no namintina sy nampiditra ny bokin' i Etera (Ete. 1:1–2) ary nampiany ny bokiny manokana izay antsoina hoe ny bokin' i Môrônia (Môrô. 1:1–4). Nasian' i Môrônia tombokase ireo takelaka ary nafeniny teo amin' ny tendrombohitr' i Komôrà (Môrm. 8:14; Môrô. 10:2). Tamin' ny taona 1823, dia nirahina tamin' ny endrika olona tafatsangana tamin' ny maty i Môrônia hanambara ny Bokin' i Môrmôna amin' i Joseph Smith (JS—T 1:30–42, 45; F&F 27:5). Nampianatra isan-taona ilay mpaminany tanora izy nanomboka tamin' ny taona 1823 ka hatramin' ny taona 1827 (JS—T 1:54), ary farany dia nanome azy ireo takelaka ny taona 1827 (JS—T 1:59). Naverin' i Joseph Smith tamin' i Môrônia ireo takelaka rehefa vita ny fandikana azy.

Ny bokin' i Môrônia: Boky farany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. I Môrônia, mpaminany Nefita farany no nanoratra azy. Toko 1–3: mitantara ny famongorana farany ireo Nefita, nanome toromarika momba ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fisoronana. Toko 4–5: manondro amin' ny antsipiriany ny fomba fitantanana marina ny fanasan' ny Tompo. Toko 6: mamintina ny asan' ny Fiangonana. Toko 7–8: toriteny momba ireo fitsipika fototra ao amin' ny filazantsara, ka isan' izany ny fampianaran' i Môrmôna mikasika ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, sy ny fomba hitsarana ny tsara sy ny ratsy (Môrô. 7), ary ny fanazavan' i Môrmôna fa velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika ary tsy mila atao batisa (Môrô. 8). Toko 9: milaza ny faharatsian' ny firenena Nefita. Toko 10: hafatra farany nataon' i Môrônia, ka isan' izany ny fomba

hahafantarana ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna (Môrô. 10:3–5).

MÔRÔNIHÀ, ZANAKALAHIN' NY KAPITENY MÔRÔNIA

Mpitari-tafika Nefita marin-toetra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (tokony ho tamin' ny 60 talohan' i J.K.)

Nampian-drainy i Môrônia an' i Môrônià zanany lahy ny tafika, **Almà** 62:43. Nizaka indray ny tanànan' i Zarahemlà, **Hel.** 1:33. Nitondra ny Lamanita ho amin' ny fibebahana sy nifehy indray ny tany, **Hel.** 4:14–20.

MOSESY. *Jereo koa Aharôna, Zanakalahin' i Mosesy; Didy Folo, Ny; Fiovan-tarehy — Fiovan-tarehin' i Kristy; Lalàn' i Mosesy; Pentateoka*

Mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha izay nitarika ny Isiraelita niala tamin' ny fanandevozan' ny Egyptiana sy nanome azy ireo fehezan-dalàna ara-pivavahana, ara-piarahamonina, ary ara-tsakafo araka izay nambaran' Andriamanitra.

Nihoatra ny fetran' ny fotoana niainany teto an-tany ny fanompoan' i Mosesy. Nampianarin' i Joseph Smith fa tonga teo an-tendrombohitry ny fiovan-tarehy niaraka tamin' i Elia izy ary nanolotra ny fanalahidin' ny fisoronana tamin' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona (**Mat.** 17:3–4; **Mar.** 9:4–9; **Lio.** 9:30; **F&F** 63:21).

Niseho tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdrey tao amin' ny tempolin' i Kirtland, Ohio i Mosesy tamin' ny 3 Aprily 1836, ary nanolotra azy ireo ny fanalahidin' ny fanangonana ny Isiraely (**F&F** 110:11).

Miresaka betsaka momba an' i Mosesy ny fanambaran' ny andro farany. Voatonona matetika izy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ary ianarantsika avy ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana ny momba ny fanompoany (**F&F** 84:20–26) sy ny nandraisany ny fisoronana avy amin' i Jetro rafozan-dahiny (**F&F** 84:6).

Ny fanambaran' ny andro farany dia manamafy ihany koa ny tantaran' ny Baiboly momba ny fanompoany teo anivon' ny zanak' i Isiraely, sady manamafy fa izy no nanoratra ireo boky dimy izay manomboka ny Testamenta Taloha (1 **Ne.** 5:11; **Mos.** 1:40–41).

Navotan' ny zanakavavin' i Farao, **Eks.** 2:1–10. Nandositra tany Midiana, **Eks.** 2:11–22. Niseho taminy ny anjelin' ny Tompo tao amin' ny roime-my nirehitra afo, **Eks.** 3:1–15. Nanambara ireo loza ho avy amin' ny Egyptiana, **Eks.** 7–11. Nametraka ny paska ny Tompo, **Eks.** 12:1–30. Nitarika ny zanak' i Isiraely hiampita ny Ranomasina Mena, **Eks.** 14:5–31. Nandefa mana tany an' efitra ny Tompo, **Eks.** 16. Nikapoka ny harambato tany Horeba ka nivoaka ny rano, **Eks.** 17:1–7. Nanohana ny tanany i Aharôna sy i Hora ka nandresy an' i Amalekia i Josoa **Eks.** 17:8–16. Manoro hevitra azy i Jetro, **Eks.** 18:13–26. Nanomana ny vahoaka tamin' ny fisehoan' ny Tompo teo an-tendrombohitra Sinay, **Eks.** 19. Nanambara taminy ny Didy Folo ny Tompo, **Eks.** 20:1–17. Nahita an' Andriamanitra izy sy ireo lohologa fitopolo, **Eks.** 24:9–11. Namaky ny vatofisaka sy nanorotoro ny ombilahy volamena, **Eks.** 32:19–20. Niresaka nifanatrika tamin' Andriamanitra, **Eks.** 33:9–11. Nitranga raha niova tarehy i Jesoa, **Mat.** 17:1–13 (**Mar.** 9:2–13; **Lio.** 9:28–36). Aoka isika ho mahery toa an' i Mosesy, **1 Ne.** 4:2. I Kristy no ilay mpaminany tahaka an' i Mosesy izay hatsangan' Andriamanitra, **1 Ne.** 22:20–21 (3 **Ne.** 20:23; **Deot.** 18:15). Nitarika an' i Isiraely tamin' ny alalan' ny fanambarana, **F&F** 8:3. Tazana teo anivon' ireo fanahy ambony, **F&F** 138:41. Nahita an' Andriamanitra nifanatrika, **Mos.** 1:2, 31. Araka ny endriky ny Zanaka Lahitokana, **Mos.** 1:6, 13. Natao hanoratra ny zavatra nambara taminy momba ny fahariana, **Mos.** 2:1.

Ny bokin' i Mosesy: Boky iray ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy izay mirakitra

ny fandikan-teny nentanin-panahy nataon' i Joseph Smith tamin' ireo toko fito voalohany ao amin' ny Genesisy.

Toko 1: mirakitra ny fahitana nahitan' i Mosesy an' Andriamanitra, izay nanambara taminy ny drafitry ny famonjena iray manontolo. Toko 2-5: fitantaràna ny fahariana sy ny fahala-voan' ny olona. Toko 6-7: mirakitra fahitana momba an' i Enoka sy ny fanompoany teto an-tany. Toko 8: mirakitra fahitana momba an' i Noa sy ny safo-drano lehibe.

Ny boky dimy an' i Mosesy: Jereo Genesisy; Eksodosy; Levitikosy; Nomery; Deoteronomia

Ireo boky dimy voalohany ao amin' ny Testamenta Taloha dia fantatra ho ny bokin' i Mosesy. Nirakitra ireo bokin' i Mosesy ny takela-barahina nalain' i Nefia tamin' i Labàna (1 Ne. 5:11).

Namaky zavatra maro izay voasoratra tao amin' ny bokin' i Mosesy i Nefia; 1 Ne. 19:23.

MÔSIÀ, RAIN' I BENJAMÎNA.

Jereo koa Benjamîna, Rain' i Môsià; Zarahemlà

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpaminany Nefita napetraka ho mpanjaka teo amin' ny vahoakan' i Zarahemlà.

Nampilazaina i Môsià fa tokony handositra hiala ny tanin' i Nefia, **Ômn.** 1:12. Nahita ny vahoakan' i Zarahemlà izy, **Ômn.** 1:14-15. Nampianatra ny vahoakan' i Zarahemlà ny fiteniny izy, **Ômn.** 1:18. Notendrena ho mpanjakan' ireo vahoaka mitambatra izy, **Ômn.** 1:19. I Benjamîna zanany lahy no nanjaka teo amin' ny toerany taorian' ny nahafatesany, **Ômn.** 1:23.

MÔSIÀ, ZANAKALAHIN' I. *Jereo*

koa Aharôna, Zanakalahin' i Môsià; Amôna, Zanakalahin' i Môsià; Himnia; Môsià, Zanakalahin' i Benjamîna; Ômnera

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ireo efa-dahy zanaky ny Mpanjaka Môsià, izay niova fo rehefa niseho tamin' izy

ireo sy niantso azy hibe-baka ny anjely iray. I Amôna, i Aharôna, i Ômnera, ary i Himnia no anaran' izy ireo (Môsià 27:34). Nandany efatra ambin' ny folo taona nitoriana ny filazantsara tamim-pahombiazana tamin' ny Lamanita izy. Omena ao amin' ny bokin' i Almà, toko 17 ka hatramin' ny 26 ny tantaran' ny asa fanompoany teo anivon' ny Lamanita.

Tsy mpino nikatsaka handrava ny fiangonana izy ireo teo aloha, **Môsià** 27:8-10 (Almà 36:6). Nolevileven' ny anjely izy ary nibe-baka, **Môsià** 27:11-12, 18-20. Nahazo lalana hitory tamin' ny Lamanita izy, **Môsià** 28:1-7.

MÔSIÀ, ZANAKALAHIN' I

BENJAMÎNA. *Jereo koa*

Benjamîna, Rain' i Môsià; Môsià, Zanakalahin' i

Mpanjaka Nefita marin-toetra sady mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nanaraka ny ohatra marina nasehon' ny rainy i Môsià (Môsià 6:4-7). Nandika ireo takela-bolamena efatra amby roapolo mirakitra ny tantaran' ny Jarêdita izy (Môsià 28:17).

Ny bokin' i Môsià: Boky iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Toko 1-6: mirakitra ny toriteny mahery nataon' i Benjamîna tamin' ny vahoakany. Nikasika ny fon' ny vahoaka ny Fanahin' ny Tompo ka niova fo sy tsy nanam-paniriana hanao ratsy intsony izy ireo. Toko 7-8: mitantara momba ny andiana Nefita izay lasa nipetraka tany anivon' ny Lamanita. Nisy andiana mpikaroka, nirahina hitady azy ireo. I Amôna, mpitondra ireo andiana mpikaroka, no nahita azy ireo sy nianatra ny tantaran' ny fijaliany teo ambany fangejan' ny Lamanita. Toko 9-24: manoritsoritra izany fangajana izany sy ny fomba niainan' i Zenifa, i Noà, ary i Limia mpitondra azy ireo teo ambanin' ny Lamanita. Voarakitra ihany koa ny fampijaliana nanjo ny mpaminany antsoina hoe Abinadia. Niova fo nandritra ny fitsarana an' i Abinadia i Almà. Toko 25-28: mitantara ny

fiovam-pon' ny zanakalahin' i Almà sy ireo efa-dahy zanaky ny mpanjaka Môsià. Toko 29: nafaran' ny mpanjaka Môsià ny hanoloana ny rafitra mpanjaka amin' ny rafitra mpitsara. I Almà zanakalahin' i Almà no lany ho lohan' ny mpitsara voalohany.

MOZIKA. *Jereo koa* Hiram-pivavahana; Mihira

Feon-kira sy paika hiraina sy lalaovina hatramin' ny andron' ny Baiboly, mba hoenti-maneho fialiana, fiderana ary fihobiana (2 Sam. 6:5). Mety ho endrika vavaka izany. Azo inoana fa ny salamo dia nohiraina tamin' ny feon-kira tsotra narahin-java-maneno.

Nitondra ny ampongatapaka i Miriama, anabavin' i Aharôna sy Mosesy, ka nandihy izy sy ireo vehivavy, **Eks.** 15:20. Ary ny Levita mpihira rehetra dia nanana kipantsona sy valiha ary mpisorona roapolo amby zato nitsoka trompetra, **2 Tan.** 5:12. Nihira fiderana i Jesoa sy ireo Roambinifololahy taorian' ny Fanasana Farany, **Mat.** 26:30. Mifampianara ka mifananara amin' ny salamo sy ny fihirana ary ny tonokiram-panahy, **Kol.** 3:16. Efa nahatsiaro ny hikalona hiran' ny fitiavana manavotra ve ianareo? **Almà** 5:26. Finaritra amin' ny hiran' ny fo ny fanahin' Andriamanitra; eny, ny hiran' ny marina dia vavaka, **F&F** 25:12. Miderà ny Tompo amin' ny fihirana, amin' ny mozika ary amin' ny fandihizana, **F&F** 136:28.

MPAHARY. *Jereo* Jesoa Kristy; Fahariana

MPAHITA. *Jereo koa* Mpaminany; Orima sy Tomima

Olona mahazo lalana avy amin' Andriamanitra mba hahita amin' ny masom-panahy ireo zavatra izay nafenin' Andriamanitra amin' izao tontolo izao (Mos. 6:35–38). Sady mpanambara no mpaminany izany olona izany (Môsià 8:13–16). Ampianarin' i Amôna ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fa ny

mpahita ihany no afaka mampiasa ny mpandika na ny Orima sy Tomima (Môsià 8:13; 28:16). Ny mpahita dia mahafantatra ny lasa sy ny ankehitriny ary ny hoavy. Fahiny, ny mpaminany dia nantsoina matetika hoe mpahita (1 Sam. 9:9; 2 Sam. 24:11).

I Joseph Smith no mpahita lehibe an' ny andro farany (F&F 21:1; 135:3). Ho fanampin' izany, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Roambinifololahy dia tohanana ho mpaminany, mpahita, ary mpanambara.

Fa firenena maditra izy, izay manao amin' ny mpahita hoe: Aza mahita, ary amin' ny mpaminany: Aza maminany, **Isa.** 30:9–10. Mpahita nofinidy iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao, **2 Ne.** 3:6–15. Indro, eto ny fahendrena; eny, ny ho mpahita, mpanambara, mpandika teny ary mpaminany, **F&F** 107:92. Nanendry an' i Hyrum Smith ny Tompo ho mpaminany, mpahita, ary mpanambara ho an' ny fiangonana, **F&F** 124:91–94.

MPAMINANY. *Jereo koa*

Faminaniana; Fanambarana;
Filoha; Mpahita

Olona izay nantsoin' Andriamanitra sy miteny ho Azy. Mandray didy, faminaniana ary fanambarana avy amin' Andriamanitra ny mpaminany amin' ny maha-mpitondra hafatr' Andriamanitra azy. Ny adidiny dia ny mampahafantatra amin' ny olona ny sitrapon' Andriamanitra sy ny tena toetran' Andriamanitra, ary koa ny maneho ny hevitra ny fifandraisany amin' izy ireo. Miampanga ny fahotana ny mpaminany ary manambara mialoha ny vokatra aterany. Mpitory fahamarinana izy. Indraindray dia entanim-panahy ny mpaminany hanambara mialoha ny hoavy, mba ho tombontsoan' ny olombelona; kanefa ny andraikiny voalohany dia ny mijoro ho vavolombelon' i Kristy. Ny Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no mpaminanin' Andriamanitra eto

an-tany ankehitriny. Ireo mpikambana ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Apostoly roa ambin' ny folo dia tohanana ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Enga anie ka ho mpaminany avokoa ny olon' ny Tompo rehetra, **Nom.** 11:29. Raha misy mpaminany, dia amin' ny fahitana no hisehoako Izaho Tompo aminy, **Nom.** 12:6. Nananatra an' i Isiraely tamin' ny alalan' ny mpaminany rehetra ny Tompo, **2 Mpan.** 17:13 (2 Tan. 36:15–16; Jer. 7:25). Nanendry anao ho mpaminany ho an' ny firenena Aho, **Jer.** 1:5, 7. Milaza ny tsambaratelon' amin' ny mpaminany mpanompony Izy, **Amo.** 3:7. Miteny amin' ny vavan' ny mpaminany masina Izy, **Lio.** 1:70 (Asa 3:21). I Kristy no ambaran' ny mpaminany rehetra, **Asa** 10:43. Nametraka mpaminany tao amin' ny fiangonana Andriamanitra, **1 Kor.** 12:28 (Ef. 4:11). Natsangana teo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany ny fiangonana, **Ef.** 2:19–20. Efa notsipahin' ny olona ny tenin' ireo mpaminany, **1 Ne.** 3:17–18 (2 Ne. 26:3). Amin' ny alalan' ny Fanahy no ampahafantarana ny mpaminany ny zava-drehetra, **1 Ne.** 22:1–2. Tonga teo amin' ny Nefita i Kristy hanatanteraka izay rehetra efa noteneniny tamin' ny vavan' ny mpaminany ny masina, **3 Ne.** 1:13 (F&F 42:39). Hosarahina hiala ireo izay tsy hampandry sofina amin' ny tenin' ireo mpaminany, **F&F** 1:14. Hahazo ny fiainana mandrakizay ireo izay mino ny tenin' ireo mpaminany, **F&F** 20:26. Ny tenin' ireo mpaminany dia horaisinareo toa ireny avy amin' ny vavako ireny, **F&F** 21:4–6. Tsy tonga afa-tsy amin' ny alalan' ny iray voatendry ny fanambarana sy ny didy ho an' ny Fiangonana, **F&F** 43:1–7. Ny andraikitra ny Filoha dia ny miah'y ny Fiangonana manontolo ary ny hitovy amin' i Mosesy, ho mpaminany, **F&F** 107:91–92. Mino ireo mpaminany isika, **Fp.** 1:6.

MPAMINANY VAVY. *Jereo koa*
Faminaniana

Vehivavy izay nahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin' i Jesoa sady manana ny fanahin' ny faminaniana. Tsy mihazona ny fisoronana na ny fanalahidiny ny mpaminany vavy. Na vehivavy vitsy ihany aza no nantsoina hoe mpaminany vavy ao amin' ny Soratra Masina, dia maro no namina-ny toa an' i Rebeka, i Hana, i Elizabeta ary i Maria.

Nantsoina ho mpaminany vavy i Miriama, **Eks.** 15:20. Nantsoina ho mpaminany vavy i Debora, **Mpits.** 4:4. Nantsoina ho mpaminany vavy i Holda, **2 Mpan.** 22:14 (2 Tan. 34:22). Nantsoina ho mpaminany vavy i Ana, **Lio.** 2:36.

MPAMINDRA FO. *Jereo*
Famindram-po

MPAMONJY. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Olona iray izay mamonjy. I Jesoa Kristy, tamin' ny alalan' ny Sorompanavotana nataony, dia nanolotra fanavotana sy famonjena ho an' ny olombelona rehetra. Ny hoe “Mpamonjy” dia anarana sy anaram-boninahitra entin' i Jesoa Kristy.

Ny Tompo no fahazavako sy famonjena Ahy, **Sal.** 27:1 (Eks. 15:1–2; 2 Sam. 22:2–3). Izaho no Tompo, ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho, **Isa.** 43:11 (F&F 76:1). Ary ny anarany hataonao hoe Jesoa; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin' ny fahotany, **Mat.** 1:21. Mpamonjy no teraka ho anareo anio, dia Kristy Tompo, **Lio.** 2:11. Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba hanavotra ny olona, **Jao.** 3:16–17. Tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoana famonjena, **Asa** 4:10–12 (2 Ne. 25:20; Môsià 3:17; 5:8; F&F 18:23; Mos. 6:52). Avy any an-danitra no iandrasantsika Mpamonjy, dia i Jesoa Kristy, **Filip.** 3:20. Ny Ray efa naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao, **1 Jn.** 4:14. Hanangana Mesia ny Tompo, ny Mpamonjy

izao tontolo izao, **1 Ne.** 10:4. Ny Zana-kondrin' Andriamanitra no Mpamonjy izao tontolo izao, **1 Ne.** 13:40. Ny fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran' ny firenena, ny foko sy ny samihafa fiteny ary mponina tsirairay, **Môsià** 3:20. Tsy maintsy ho faty marina tokoa i Kristy mba hahatongavan' ny famonjena, **Hel.** 14:15–16. Ny fanamarinana sy ny fanamasinana amin' ny alalan' ny Mpamonjy dia mahitsy sy marina, **F&F** 20:30–31. Izaho no Jesoa Kristy, ny Mpamonjy izao tontolo izao, **F&F** 43:34. Ary ny Zanaka Lahitokako no Mpamonjy, **Mos.** 1:6. Ary izay rehetra hino ny Zanaka ary hibe-baka amin' ny fahotany dia hovanjena, **Mos.** 5:15.

MPAMORY HETRA. *Jereo koa*
Fanjakana Romana

Tany Roma fahiny, olona mpanangona ny hetra ho an' ny fitondram-panjakana. Mazàna nankahalain' ny Jiosy ny mpamory hetra. Nanaiky tamim-pahazotoana ny filazantsara ny mpamory hetra sasany (Mat. 9:9–10; Lio. 19:2–8).

MPAMPAKATRA. *Jereo koa* Jesoa
Kristy

Jesoa Kristy ao amin' ny soratra masina no tandindon' ny Mpampakatra. Ny Fiangonana no tandidon' ny ampakariny.

Nandeha ny virijiny folo mba hitsena ny Mpampakatra, **Mat.** 25:1–13. Izay manana ny ampakarina no Mpampakatra, **Jao.** 3:27–30. Sambatra izay nantsoina ho amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanakondry, **Fan.** 19:5–10. Aoka ho vonona amin' ny fiavian' ny Mpampakatra, **F&F** 33:17. Mivonona ho an' ny Mpampakatra, **F&F** 65:3.

MPAMPIANATRA. *Jereo*
Mampianatra

MPAMPIANATRA,
FISORONANA AHARÔNA.
Jereo koa Fisoronana Aharôna

Anjara fanompoana ao amin' ny Fisoronana Aharôna.

Ny adidin' ny mpampianatra dia ny mitandrina ny Fiangonana, **F&F** 20:53–60. Ny anjara fanompoan' ny mpampianatra dia fanampiny ilaina ao anatin' ny fisoronana ambany, **F&F** 84:30, 111. Ary ny andraikitry ny filohan' ny kôlejin' ny mpampianatra dia ny miahy mpampianatra efatra amby roapolo, **F&F** 107:86.

MPAMPIHAVANA. *Jereo koa*
Fandriampahalemana

Olona mitondra na mampisy fandriampahalemana (Mat. 5:9; 3 Ne. 12:9). Ny mpampihavana dia mety koa ho olona izay mitory ny filazantsara (**Môsià** 15:11–18).

MPAMPIONONA. *Jereo koa* Fanahy
Masina; Jesoa Kristy

Ny soratra masina dia milaza ny amin' ny Mpampionona roa. Ny voalohany dia ny Fanahy Masina (**Jao.** 14:26–27; **Môrô.** 8:26; **F&F** 21:9; 42:17; 90:11). Ny Mpampionona faharoa dia i Jesoa Kristy Tompo (**Jao.** 14:18, 21, 23). Rehefa mahazo ny Mpampionona faharoa ny olona dia hiseho aminy ombieny ombieny i Jesoa Kristy ka hanambara ny Ray ary hampianatra azy mifanatrika (**F&F** 130:3).

MPAMPIONONA FAHAROA.
Jereo Mpampionona

MPANAFAKA. *Jereo koa* Jesoa
Kristy

Mpanafaka ny olombelona i Jesoa Kristy, satria Izy dia mamonjy ny rehetra amin' ny famatoran' ny fahafatesana ary izay mibebaka amin' ny famaizan' ny ota.

Ny Tompo no vatolampiko sy mpanafaka ahy, **2 Sam.** 22:2 (Sal. 18:2; 144:2). Ianao no mpanampy sy mpanafaka ahy, **Sal.** 40:17 (Sal. 70:5). Hivoaka avy any Ziona ny Mpanafaka, **Rom.** 11:26. Ny Olomasina dia manaiky ny Zanak'

Andriamanitra ho Mpanavotra sy Mpanafaka azy ireo, **F&F** 138:23.

MPANALALANA. *Jereo koa* Jesoa Kristy; Sorompanavotana

Mpampihavana na mpanelanelana. I Jesoa Kristy no mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona. Ny sorompanavotana nataony no nanokatra ny lalana ahafahan' ny olona mibebaka amin' ny fahotany sy mamitra-pihavanana amin' Andriamanitra.

Tsy misy olona mankany amin' ny Ray afa-tsy amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, **Jao.** 14:6. Iray no mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona, **1 Tim.** 2:5. I Kristy no mpanalalana amin' ny fanekena tsara lavitra, **Heb.** 8:6 (Heb. 9:15; 12:24; **F&F** 107:19). Hanao fanalalanana ho an' ny zanak' olombelona rehetra ny Mesia Masina, **2 Ne.** 2:9 (Isa. 53:12; **Môsià** 14:12). Tokony hian-drandra Ilay Mpanalalana lehibe ianareo, **2 Ne.** 2:27–28. Tanteraka amin' ny alalan' i Jesoa ilay mpanalalan' ny fanekempihavanana vaovao isika, **F&F** 76:69.

MPANAO BATISA. *Jereo* Jaona Mpanao Batisa

MPANAVOTRA. *Jereo koa* Jesoa Kristy; Mpamonjy

I Jesoa Kristy no ilay mpanavotra lehibe ny zanak' olombelona, noho izy nandao ny saran' ny fahotan' ny zanak' olombelona tamin' ny alalan' ny sorompanavotany ka nahatonga ny fitsanganan' ny olona rehetra amin' ny maty ho tanteraka.

Fantatro fa velona ny mpanavotra Ahy, **Joba** 19:25. Izaho no hanampy anao hoy ny Iray Masin' ny Isiraely mpanavotra anao, **Isa.** 41:14 (Isa. 43:14; 48:17; 54:5; 59:20). Izaho Tompo no Mpamonjy sy Mpanavotra anao, **Isa.** 49:26 (Isa. 60:16). Ary ny anarany hatao hoe Jesoa, fa izy no hanavotra ny olony amin' ny fahotany, **Mat.** 1:21. Nanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro ny zanak' Olona, **Mat.** 20:28 (1 Tim.

2:5–6). Ny Tompo Andriamanitry ny Isiraely no efa namangy sy nanavotra ny olony, **Lio.** 1:68. Nampihavanina tamin' Andriamanitra tamin' ny fahafatesan' ny Zanany isika, **Rom.** 5:10. Nanolotra ny tenany Jesoa Kristy mba hanavotany antsika ho afaka amin' ny ota rehetra, **Tito.** 2:13–14. Nanasa antsika tamin' ny fahotantsika tamin' ny alalan' ny rany i Jesoa, **Fan.** 1:5. Ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' ny Mesia Masina sy ao Aminy, **2 Ne.** 2:6–7, 26. Ny Zanaka dia nandray teo amin' ny tenany ny heloky ny olona sy ny fandikany lalàna, nanavotra azy sy nanefa ny fitakian' ny fahamarinana, **Môsià** 15:6–9, 18–27. Avy i Kristy mba hanavotra ireo izay ho vita batisa ho amin' ny fibebahana, **Almà** 9:26–27. Ho tonga eo amin' izao tontolo izao Izy mba hanavotra ny olony, **Almà** 11:40–41. Tonga amin' ny alalan' ny fibebahana ny fanavotana, **Almà** 42:13–26. Tonga i Jesoa Kristy mba hanavotra izao tontolo izao, **Hel.** 5:9–12. Navotan' i Kristy tamin' ny fahafatesan' ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy ny olona, **Hel.** 14:12–17. Tonga amin' ny alalan' i Kristy ny fanavotana, **3 Ne.** 9:17. Izaho no Ilay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao mba hanavotra ny oloko, **Ete.** 3:14. Ny Tompo Mpanavotra anao dia niaritra fahafatesana tamin' ny nofo, **F&F** 18:11. Nijaly ho an' ny rehetra i Kristy raha mibebaka izy ireo, **F&F** 19:1, 16–20. Avotana amin' ny alalan' ny Lahitokana ny ankizy madinika, **F&F** 29:46. Izaho no efa naniraka ny Zanako Lahitokako ho eo amin' izao tontolo izao ho fanavotana izao tontolo izao, **F&F** 49:5. I Kristy no fahazavana sy Mpanavotra izao tontolo izao, **F&F** 93:8–9. Nahazo fahitana ny amin' ny fanavotana ny maty i Joseph F. Smith, **F&F** 138. Mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon' i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, **Fp.** 1:3.

MPANDOVA

Olona nomena lalana handova ara-

batana na ara-panahy ireo fanomezam-pahasoavana. Ampanantenain' ny soratra masina ny olo-marina ny ho tonga mpandova izay rehetra fananan' Andriamanitra.

Naniry hanana mpandova i Abrahama, **Gen.** 15:2–5. Nanjary mpandova izao rehetra izao tamin' ny fahamarinan' ny finoana i Abrahama, **Rom.** 4:13. Zanak' Andriamanitra isika ary raha zanaka dia mpandova, mpandova an' Andriamanitra sady mpiray lova amin' i Kristy, **Rom.** 8:16–17 (**F&F** 84:38). Zanaka ianao, mpandova an' Andriamanitra amin' ny alalan' i Kristy, **Gal.** 4:7. Efa notendren' Andriamanitra ny Zanany ho mpandova ny zava-drehetra, **Heb.** 1:2. Ireo izay miandrindra ny famelana ny fahotany no mpandova ny fanjakan' Andriamanitra, **Môsià** 15:11. Tonga zanak' i Kristy ny vahoaka ary mpandova ny fanjakan' Andriamanitra, **4 Ne.** 1:17. Ireo izay maty tsy manana fahalalana ny filazantsara dia mety ho tonga mpandova ny fanjakana selestialy, **F&F** 137:7–8. Ny maty izay mibebaka no mpandova ny famonjena, **F&F** 138:59. Nanjary mpandova ara-dalàna i Abrahama noho ny fahamarinany, **Abr.** 1:2.

MPANDRINGANA. *Jereo koa*

Devoly

Satana no mpandringana

Tsy hamela ny mpandringana hiditra ao an-tranonareo ny Tompo, **Eks.** 12:23. Mitety eny ambony rano ny mpandringana, **F&F** 61:19. Tokony ho afaka namonjy ny tanimboaloboko tamin' ny mpandringana ny mpitily, **F&F** 101:51–54.

MPANJAKA. *Jereo koa* Vanim-potoana

Boky roa ao amin' ny Testamenta Taloha. Ireo boky ireo dia milaza ny tantaran' i Isiraely manomboka amin' ny fikomian' i Adonia, ilay zanakalahy fahefatr' i Davida Mpanjaka (sahabo ho 1015 talohan' i J.K.), ka hatramin' ny

fambaboana farany an' i Joda (sahabo ho 586 talohan' i J.K.). Voarakitra ao ny tantaran' ny fanjakana avaratra manontolo (ny foko folon' i Isiraely) nanomboka tamin' ny nizaran' i Isiraely ka hatramin' ny nitondran' ny Syriaana azy babo ho any amin' ny tany avaratra.

Mpanjaka voalohany: Toko 1: mitantara ny fiakaran' ny androm-piainan' i Davida mpanjaka. Toko 2–11: mitantara ny fianian' i Solomona. Toko 12–16: milaza ny amin' ireo mpandova mivantana an' i Solomona, dia i Rehoboama sy i Jeroboama. I Jeroboama no nahatonga ny fizaran' ny fanjakan' i Isiraely. Misy mpanjaka hafa koa voalaza ao. Toko 17–21: mitantara ampahany amin' ny fanompoan' i Elia raha izy nananatra an' i Ahaba mpanjakan' i Isiraely. Toko 22: mirakitra ny ady nifanaovana tamin' ny Syria izay nampitambaran' i Ahaba sy i Josafata mpanjakan' i Joda ny heriny. Mamina ny manohitra ireo mpanjaka ny mpaminany Mikaia.

Mpanjaka faharoa: Toko 1–2:11: manohy ny fiainan' i Elia, ka isan' izany ny niakaran' i Elia ho any an-danitra tany kalesy afo. Toko 2–9: mitantara ny fanompoan' i Elisa tamim-pinoana sy hery lehibe. Toko 10: milaza ny amin' ny Jehu mpanjaka sy ny fomba nandravany ny tranon' i Ahaba sy ireo mpisoron' i Bala. Toko 11–13: mirakitra ny nanjakan' i Joasy tamim-pahamari-nana sy ny nahafatesan' i Elisa. Toko 14–17: milaza ny amin' ireo mpanjaka samihafa izay nanjaka tamin' i Isiraely sy Joda, tamim-paharatsiana matetika. Toko 15: mitantara ny nambaboan' ny Syriaana ireo foko folon' i Isiraely. Toko 18–20: mirakitra ny fiainam-pahamarinana niainan' i Hezekia mpanjakan' i Joda ary koa ny mpaminany Isaia. Toko 21–23: milaza ny amin' ny mpanjaka Manase sy Josiasa. I Manase araka ny lovan-tsofina no tompon' antoka tamin' ny famonoana an' i Isaia. I Josiasa dia mpanjaka marina izay namerina indray ny lalàna teo anivon'

ny Jiosy. Toko 24–25: mitantara ny fahababoana tany Babylona.

MPANKATÒ. *Jereo Mankatò*

MPANORA-DALÀNA

Teny ampiasain' ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, ka misy fahasamihafana kely ny fampiasany azy: (1) Ao amin' ny Testamenta Taloha, dia ny manao tahadikana' ny sora-tramasy na andraikitra voalohany ananan' ny mpanora-dalàna (Jer. 8:8). (2) Voalaza matetika ao amin' ny Testamenta Vaovao ny mpanora-dalàna, ary antsoina hoe mpahay lalàna na mpampianatra ny lalàna izy mazàna. Nanao ny lalàna amin' ny antsipiriany izy ireo ary mampihatra izany araka ny zava-misy tamin' ny androny (Mat. 13:52; Mar. 2:16–17; 11:17–18; Lio. 11:44–53; 20:46–47).

MPIAMBINA. *Jereo koa*
Fampitandremana

Malina, manao andry maso. Ny olona izay miambina sy mankatò dia vonona sy voaomana. Ny mpiambina dia mpitondra izay antsoin' ireo solontenan' ny Tompo hanana andraikitra manokana ho an' ny tombontsoan' ny hafa. Ireo izay antsoina ho mpitondra dia manana andraikitra manokana ho mpiambina ny sisa tavela amin' izao tontolo izao koa.

Efa nataoko ho mpitily hianao, **Ezek.** 3:17–21. Ny mpitily izay mananatra dia mamonjy ny fanahiny, **Ezek.** 33:7–9. Miambena hianareo fa tsy fantatrarao izay andro hiavian' ny Tomponareo, **Mat.** 24:42–43 (Mat. 25:13; Mar 13:35–37; F&F 133:10–11). Miareta tory sy mivavaha mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy, **Mat.** 26:41 (3 Ne. 18:15, 18). Raha tsy mitandrana ny tenanareo sy ny eritreritrareo ary ny teninareo sy ny ataonareo ianareo dia tsy maintsy ho faty, **Môsià** 4:30. I Almà, dia nanokana mpisorona sy loholona mba hitrika sy hitandrana ny Fiangonana,

Almà 6:1. Izay tsy miambina ho an' ny Mpamonjy dia hoesorina hiala, **F&F** 45:44. Ny eveka sy ireo hafa dia nantsoina sy natokan' Andriamanitra hiandry ny Fiangonana, **F&F** 46:27. Nametraka mpiambina teo amin' ny tanimboly ny Tompo, **F&F** 101:44–58.

MPIANAKAVIN' I ISIRAELY.

Jereo koa Isiraely

MPIANATRA. *Jereo koa* Apostoly;
Fiovam-po; Kristiana; Zioga

Mpanara-dia an' i Jesoa Kristy, izay miaina araka ny fampianaran' i Kristy (F&F 41:5). Ampiasaina ny hoe *mpianatra* ilazana ny Apostoly Roa ambin' folo izay nantsoin' i Kristy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany (Mat. 10:1–4). Ny hoe *mpianatra* ihany koa dia ampiasaina ilazana ireo lehilahy roa ambin' ny folo izay nofidin' i Jesoa hitrika ny Fiangonany teo anivon' ny Nefita sy ny Lamanita (3 Ne. 19:4).

Asio tombo-kase ny lalàna eo amin' ny mpianatra, **Isa.** 8:16. Raha maharitra amin' ny teniko ianareo dia ho mpianatra tokoa, **Jao.** 8:31. Mpianatr' i Jesoa Kristy i Môrmôna, **3 Ne.** 5:12–13. Ianareo no mpianatra, **3 Ne.** 15:12. Tsy hanandrana fahafatesana ny mpianatra telo, **3 Ne.** 28:4–10. Ny feon' ny fampitandremana dia ho amin' ny alalan' ny vavan' ny mpianatra, **F&F** 1:4. Hitsangana eo amin' ireo toerana masina ny mpianatra, **F&F** 45:32. Ireo izay tsy mahatsiaro ny mahantra, ny sahirana, ny marary ary ny ory dia tsy mpianatra, **F&F** 52:40. Na zovy na zovy no tsy vonona hahafoy ny ainy dia tsy mpianatra, **F&F** 103:27–28.

MPIANATRA NEFITA. *Jereo*
Mpiandra Nefita Telolahy

MPIANATRA NEFITA

TELOLAHY. *Jereo koa* Mpianatra;
Nefita; Olona Novana

Ny telo amin' ireo mpianatra Nefita nofidin' ny Tompo izay voalaza ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Nomen' ny Tompo fitahiana mitovy amin' izay nomena an' i Jaona ilay lalaina ireo mpianatra ireo—dia ny hahazoany mijanona eto an-tany mba hitondra fanahy ho an' i Kristy mandrapiverin' ny Tompo indray. Novana izy mba tsy hahatsiaro fanaintainana sady tsy ho faty (3 Ne. 28).

Notanterahin' ny Tompo ny fanirian' ireo mpianatra Nefita telolahy hijanona mandra-piaviny, 3 Ne. 28:1–9. Tsy hiaritra ny fanaintainan' ny fahafatesana na alahelo na oviana na oviana izy ireo, 3 Ne. 28:7–9. Hanana ny fahafenoan' ny fifaliana izy ireo, 3 Ne. 28:10. Nakarina nankany an-danitra nandritra ny fotoana iray izy ireo, 3 Ne. 28:13–17. Nanompo ny vahoaka izy ireo ary niaritra fanenjehana, 3 Ne. 28:18–23. Nanompo an' i Môrmôna izy ireo, 3 Ne. 28:24–26 (Môrm. 8:10–11). Hanompo eo anivon' ny Jentilisa, ny Jiosy, ny foko miely patrana ary ny firenena rehetra izy ireo, 3 Ne. 28:27–29. Satana dia tsy afaka naka fanahy azy ireo, 3 Ne. 28:39.

MPIANDRY ONDRY. *Jereo koa* Jesoa Kristy; Mpiandry ondry Tsara

Sariohatra enti-maneho olona izay mikarakara ny zanaky ny Tompo.

Ny Tompo no mpiandry ahy, **Sal.** 23:1. Tokony hamahana ny ondry ny mpiandry ondry, **Ezek.** 34:2–3.

MPIANDRY ONDRY TSARA. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Jesoa Kristy no Mpiandry ondry Tsara. An' ohatra no ampitahaina ny mpanaradia Azy ho toy ny ondry izay andrasan' i Jesoa.

Ny Tompo no mpiandry ahy, **Sal.** 23:1. Hamahana ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy, **Isa.** 40:11. Dia toy izany no hitadiavako ny ondriko, **Ezek.** 34:12. Izaho no mpiandry ondry tsara, **Jao.** 10:14–15. Jesoa no ilay mpiandry ondry lehibe miahny ny ondry, **Heb.** 13:20. Manisa ny ondriny Izy ary ireo dia mahalala Azy, 1 Ne.

22:25. Miantso anareo amin' ny anarany ilay mpiandry ondry tsara, dia i Kristy, **Almà** 5:38, 60. Hisy vala iray sy mpiandry ondry iray, 3 Ne. 15:21 (**Jao.** 10:16).

MPISOLOVAVA. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika ao amin' ny Ray (Môrô. 7:28) ary miaro ny tombon tsoantsika ao Aminy.

Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika ao amin' ny Ray, 1 Jn. 2:1 (F&F 110:4). Hanao fanalalanana ho an' ny rehetra i Jesoa, 2 Ne. 2:9 (Heb. 7:25). Nahazo fandresena tamin' ny fahafatesana i Jesoa ary izany dia nanome Azy fahefana hanao fanalalanana ho an' ny zanak' olombelona, **Môsià** 15:8. Izaho no Mpisolovava anareo eo amin' ny Ray, **F&F** 29:5. Miaro ny tombon tsoantsika i Jesoa Kristy, **F&F** 45:3–5.

MPISORONA AVO. *Jereo koa* Fisoronana Aharôna; Fisoronana Melkizedeka

Anjara fanompoana ao amin' ny fisoronana. Manana heviny roa ny teny hoe ny “Mpisorona Avo” ao amin' ny soratra masina: (1) anjara fanompoana iray ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka; ary (2) ny mpitarika mpiahy ao amin' ny fisoronana Aharôna tamin' ny alalan' i Mosesy.

Manondro an' i Jesoa Kristy ny heviny voalohany, amin' ny maha-Mpisorona Avo lehibe Azy. Mpisorona avo koa i Adama mbamin' ireo patriarika rehetra. Ankehitriny dia mpisorona avo miahny telo no miforona ho Fiadidian' ny Fiangonana ary miahny an' ireo mpihazona ny fisoronana rehetra sy mpikambana ao amin' ny Fiangonana. Ankehitriny dia atokana ho mpisorona avo ny lehilahy mendrika hafa araka ny maha-mety izany manerana ny Fiangonana. Ny mpisorona avo dia azo antsoina sy atokana ary hamasinina ho eveka (F&F 68:19; 107:69–71).

Amin' ny heviny faharoa dia ny

mpitarika mpiahy ao amin' ny Fisoronana Aharôna no natao hoe mpisorona avo tamin' ny lalàn' i Mosesy. Nifandovana ny anjara fanompoana ary tonga tamin' ny alalan' ny lahimatoa teo anivon' ny fianakavian' i Aharôna izany, ka izy Aharôna mihitsy no mpisorona avo voalohany tamin' ny lamin' i Aharôna (Eks. 28; 29; Lev. 8; F&F 84:18).

Melkizedeka dia mpisoron' Andriamanitra Avo Indrindra, **Gen.** 14:18 (Almà 13:14). Nantsoina sy nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao ny mpisorona avo, **Almà** 13:1–10. Ny mpisorona avo no mitantana ny zavatra arapanahy, **F&F** 107:10, 12, 17.

MPISORONA, FISORONANA

AHARÔNA. *Jereo koa* Aharôna, Rahalahin' i Mosesy; Fisoronana Aharôna; Mpisorona Avo

Anjara fanompoana ao amin' ny Fisoronana Aharôna. Fahiny, ny anjara fanompoana ambony indrindra tao amin' ny Fisoronana Levy dia nohazoinin' i Aharôna sy ny taranany irery ihany. Nesorina izany famerana izany rehefa nanatanteraka ny lalàn' i Mosesy i Kristy.

Ambara ireo andraikitra ny Mpisorona ao amin' ny Fiangonana naverina indray, **F&F** 20:46–52.

MPISORONA, FISORONANA

MELKIZEDEKA. *Jereo koa* Fisoronana Melkizedeka; Mpisorona Avo

Olona izay manatanteraka fombafomba ara-pivavahana amin' Andriamanitra ho an' ny olon-kafa. Matetika dia mpisorona avo araka ny lamin' i Melkizedeka ny mpisorona ao amin' ny Soratra Masina (Almà 13:2). Lasa mpisorona sy mpanjaka ao amin' ny tontolo selesialy ireo izay mandray ny fahafenoan' ny voninahitr' Andriamanitra aorian' ny fitsanganana amin' ny maty.

I Melkizedeka dia mpisoron' Andriamanitra Avo indrindra, **Gen.** 14:18.

Hianao no Mpisorona mandrakizay, araka ny lamin' i Melkizedeka, **Sal.** 110:4 (Heb. 5:6; 7:17, 21). I Kristy dia efa nanao antsika ho mpanjaka sy mpisorona ho an' Andriamanitra Rainy, **Fan.** 1:6 (Fan. 5:10; 20:6). Tsarovy fa manendry mpisorona araka ny laminy masina ny Tompo Andriamanitra, **Almà** 13:1–20. Mpisorona sy mpanjaka ireo izay hivoaka amin' ny fitsanganan' ny marina amin' ny maty, **F&F** 76:50, 55–60.

MPITANTAN-DRAHARAHA.

Jereo Fitantanan-draharaha

MPITARIKA. *Jereo* Anjara fanompoana

MPITONDRATENA. *Jereo koa* Asa Fanasoavana

Vehivavy maty vady ary tsy nanambady intsony.

Ny kamboty sy ny mpitondratena dia ho avy sy hihinana, **Deot.** 14:29. Nano me ny fivelomany rehetra ilay mpitondratena malahelo, **Mar.** 12:41–44. Vangio ny kamboty sy ny mpitondratena amin' ny fahoriany, **Jak.** 1:27. Ary ho vavolombelona faingana ny Tompo hampanga ireo izay mampahory ny mpitondratena, **3 Ne.** 24:5 (Zak. 7:10). Hokarakaraina ny mpitondratena sy ny kamboty, **F&F** 83:6 (F&F 136:8).

MPITORITENY

Boky ao amin' ny Testamenta Taloha, mirakitra fandinihana ny sasantsany amin' ireo olana tena lalina eo amin' ny fiainana.

Ny mpanoratra ny boky, ilay mpitory, dia nanoratra ny ampahany betsaka amin' ny boky araka ny fijerin' ireo izay tsy mahatakatra ny filazan-tsara. Nanoratra araka ny fahatsapan' ny olon' izao tontolo izao izy—izany hoe, ireo “atỳ ambanin' ny masoandro” (Mpito. 1:9). Toa hakiviana sy fanariana toky no ampahany betsaka amin' ny boky (Mpito. 9:5, 10). Tsy mba toy izany no fomba tian' ny

Tompo hijerentsika ny fiainana, sain-gy toy izany kosa no fomba noheverin' ilay mpitory fa hitrangan' ny zavatra amin' ny olona izay tsy nohazavaina eto an-tany. Ny ampahan' ny teny arapanahy amin' ny boky dia ao amin' ny toko 11 sy 12 izay faranan' ny mpanoratra amin' ny filazana fa ny hany zavatra maharitra ny hasiny dia ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra.

MPITSARA, BOKIN' NY

Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha. Ny bokin' ny Mpitsara dia mire-saka ny amin' ny Isiraelita, nanomboka tamin' ny nahafatesan' i Josoa ka hatramin' ny nahaterahan' i Samoela.

Toko 1-3: teny fanolorana ho an' ny bokin' ny Mpitsara iray manontolo. Hazavainy ny antony tsy nandresen' ny Isiraelita ny fahavalony (Mpits. 1:16-35), tsy maintsy miaritra ny vokatra ny fahaverezan' ny finoany sy ny fanambadiany tsy mpino ary ny fanompoany sampy ny Isiraelita. Toko 3-5: mitantara ny amin' i Debora sy Baraka izay nanafaka an' i Isiraely tamin' ny Kananita. Toko 6-8: mirakitra ny traikefa mampitombo finoana nananan' i Gideona izay notahian' ny Tompo hanafaka an' i Isiraely tamin' ny Medianita. Toko 9-12: lehilahy maro samihafa no nitsara ny Isiraely, mazàna tao anatin' ny apôstata sy ny famoretana. Toko 13-16: mitantara ny nisandratan' i Samsona mpitsara farany sy ny nianjerany. Ny toko farany 17-21 dia azo lazaina ho toy ny teny famaranana izay manambara ny halalin' ny fahotan' ny Isiraely.

MPOMBA NY MPANJAKA

Ao amin' ny Bokin' ny Môrmôna, vondron' olona izay nitady hanongana ny fitondran' ny Nefita (Almà 51:1-8).

NAFTALY. *Jereo koa Isiraely;*
Jakoba; Zanakalahin' i Isaka

Fahadimy amin' ny roa ambin' ny fololahy zanak' i Jakoba: sady zanaka faharoan' i Bila mpanompovavin' i

Rahely (Gen. 30:7-8). Nanana zanaka efa-dahy i Naftaly (1 Tan. 7:13).

Ny fokon' i Naftaly: Voarakitra ao amin' ny Genesisy 49:21 ny tsodranon' i Jakoba tamin' i Naftaly. Voarakitra ao amin' ny Deoteronomia 33:23 ny tsodranon' i Mosesy tamin' io foko io.

NAHOMA

Mpaminany avy any Galilia ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nanoratra ny faminaniany teo anelanelan' ny 642 sy 606 talohan' i J.K.

Ny bokin' i Nahoma: Toko 1: miresaka ny amin' ny firehetan' ny tany amin' ny fiaviana fanindroany ary ny famindram-po sy ny herin' ny Tompo. Toko 2: mitantara ny faharavan' i Ninive izay tandindon' ny zavatra hitranga amin' ny andro farany. Ny toko 3: manohy ny filazana mialoha ny faharavana mahonena hanjo an' i Ninive.

NAMÀNA. *Jereo koa Elisa*

Ao amin' ny Testamenta Taloha, kapi-tenin' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Syria. Boka koa izy. Noho ny finoan' ny mpanompovavy Isiraelita iray nandeha tany Isiraely hijery ny mpaminany Elisa. Sitrana tamin' ny habokana izy rehefa nanetry tena sy nandro im-pito tao amin' ny renirano Jordana araka izay natoron' ny mpaminany Elisa (2 Mpan. 5:1-19; Lio. 4:27).

NAOMY. *Jereo koa Rota*

Ao amin' ny Testamenta Taloha, vehivavy olo-marina sady vadin' i Elimeleka (Rota 1-4). Nitondra ny fianakaviany tany Moaba i Elimeleka sy i Naomy handositra ny mosary. Taorian' ny fahafatesan' i Elimeleka sy ny zanany roalahy, dia niverina tany Betlehema niaraka tamin' i Rota vinantovaviny i Naomy.

NATANA. *Jereo koa Davida*

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha tamin' ny andron' i Davida mpanjaka. Raha nanolo-tena hanangana tempoly ho an' ny Tompo i Davida, dia niteny

an' i Natana ny Tompo hilaza amin' i Davida fa tsy tokony hanangana izany izy. Nolevileven' i Natana koa i Davida noho ny nampamonoany an' i Oria izay iray tamin' ny tafiny sy ny nakany an' i Batseba vadin' i Oria (2 Sam. 12:1–15; F&F 132:38–39). I Zadoka, niaraka tamin' i Natana, no nanosotra an' i Solomona zanakalahin' i Davida ho mpanjaka (1 Mpan. 1:38–39, 45).

NATANAELA. *Jereo koa* Bartolomeo

Apostolin' i Kristy sady sakaizan' i Filipo ao amin' ny Testamenta Vaovao (Jao. 1:45–51). Avy any Kana Galilia izy (Jao. 21:2). Nilaza i Kristy fa Isiraelita tsy misy fitaka i Natanaela (Jao. 1:47). Heverina ho olona iray ihany izy sy i Bartolomeo (Mat. 10:3; Mar. 3:18; Lio. 6:14; Jao. 1:43–45).

NAUVOO, ILLINOIS (ETAZONIA)

Tanàna naorin' ny Olomasin' ny Andro Farany tao amin' ny faritanin' i Illinois, tamin' ny taona 1839. Eo amoron' ny Renirano Mississippi, sahabo ho roapolo sy telonjato kilaometatra miakatra avy eo Saint Louis.

Noho ny fanenjehana tao amin' ny faritanin' i Missouri, dia nifindra tokony ho roapolo sy telonjato kilaometatra mianavaratra atsinanana, ampitan' ny Renirano Mississippi, ny Olomasina ka nankao Illinois izay nahitany tontolo iainana tsara kokoa. Farany, nividy tany tsy lavitra ny tanànan' i Commerce ny Olomasina. Honahona tsy nahitana afa-tsy trano tsotra vitsivitsy io tanàna io. Nohamainin' ny Olomasina izany tany izany ary nanorenany fonenana. Namindra ny fianakaviany tao amin' ny trano kely vatan-kazo iray i Joseph Smith. Novaina ho Nauvoo, avy amin' ny teny Hebreo “tsara tarehy” ny anaran' ny tanànan' i Commerce.

Fizarana maromaro ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana no nosoratana tao Nauvoo (F&F 124–129, 132, 135). Notenenina ny Olomasina hanorina tempoly ao Nauvoo (F&F 124:26–27). Nanorina tempoly sy

nanangana ireo tsatòkan' i Ziona izy ireo talohan' ny nandroahana azy tamin' ny fonenany ny taona 1846. Noho izany fanenjehana izany dia nandao io faritra io ny Olomasina ka nizotra niankandrefana.

NAZARETA. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Tanàna iray eo anivon' ireo vohitra andrefan' ny Ranomasin' i Galilia. I Nazareta no toerana nonenan' i Kristy voalohany (Mat. 2:23). Nampianatra tao amin' ny sinagogan' i Nazareta i Jesoa ary nilaza Izy fa nanatanteraka ny faminiana ao amin' ny Isaia 61:1–2 (Mat. 13:54–58; Mar. 6:1–6; Lio. 4:16–30).

NEBOKADNEZARA. *Jereo koa*

Babela, Babylona; Daniela

Ao amin' ny Testamenta Taloha, mpanjakan' i Babylona (604–561 talohan' i J.K.) izay nandresy an' i Joda (2 Mpan. 24:1–4) sy nanao fahirano an' i Jerosalema (2 Mpan. 24:10–11). Nodidina handositra an' i Jerosalema ny mpaminany Lehia nanodidina ny 600 talohan' i J.K. mba tsy ho lasa babo any Babylona (1 Ne. 1:4–13), raha nitondra ny mpanjaka Zedekia sy ny vahoaka i Nebokadnezzara (2 Mpan. 25:1, 8–16, 20–22). Nanazava ny hevitra ny nofin' i Nebokadnezzara i Daniela (Dan. 2; 4).

NEFIA, ZANAKALAHIN' I

HELAMÀNA. *Jereo koa*

Helamàna, Zanalahin' i

Helamàna; Lehia, Misiònera Nefita

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpaminany Nefita lehibe sady misiònera.

Lahimatoan' i Helamàna, **Hel.** 3:21. Voatendry ho lohan' ny mpitsara, **Hel.** 3:37. Niaraka tamin' i Lehia rahalahiny nampitodika Lamanita maro tamin' ny filazantsara, **Hel.** 5:18–19. Voahodidina afo sy tafavoaka ny fonja, **Hel.** 5:20–52. Nivavaka teo amin' ny tilikambon' ny sahany, **Hel.** 7:6–10. Nanambara ny famonoana ny lohan' ny mpitsara, **Hel.** 8:25–28; 9:1–38. Nomen' ny Tompo fahefana lehibe, **Hel.** 10:3–11. Nangataka ny

mosary sy ny fampitsaharana ny mosary tamin' ny Tompo, **Hel.** 11:3–18.

NEFIA, ZANAKALAHIN' I

LEHIA. *Jereo koa* Lehia, Rain' i Nefia; Nefita

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanalahy marin-toetra tian' i Lehia sy Saria (1 Ne. 1:1–4; 2:5). Nanana finoana mafy orina amin' ny tenin' Andriamanitra i Nefia, ary lasa mpaminany lehibe mpitahiry rakitsoratra ary mpi-tondra ny olony (1 Ne. 3:7).

Nankatò sy nivavaka am-pinoana, **1 Ne.** 2:16. Niverina tany Jerosalema haka ny takela-barahina, **1 Ne.** 3–4. Niverina tany Jerosalema hitondra ny ankohonan' i Ismaela ho any an-tany foana, **1 Ne.** 7. Nahita fahitana nitovy tamin' ny azon' i Lehia, **1 Ne.** 10:17–22; 11. Nahita tamin' ny fahitana ny hoavin' ny olony sy ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara, **1 Ne.** 12–13. Nanome ny hevitra ny fahitana momba ny hazon' aina, **1 Ne.** 15:21–36. Nahatapaka ny tsipikany, saingy afaka nahazo hanina tamin' ny alalan' ny finoana, **1 Ne.** 16:18–32. Nanamboatra sambo ary niondrana nankany amin' ny tany nampanantenaina, **1 Ne.** 17–18. Nisaraka ny Nefita sy ny Lamanita, **2 Ne.** 5. Nitondra ny teny ho vavolombelona farany, **2 Ne.** 33.

Ny bokin' ny 1 Nefia: Toko1 ka hatramin' ny 18:8; miresaka indrindra ny amin' i Lehia mpaminany sy ny fianakaviany nandao an' i Jerosalema. Namakivaky tany foana izy mandra-pahatongany teo amin' ny ranomasina. 1 Nephi 18:9–23: mitantara ny diany nankany amin' ny tany nampanantenaina araka izay nitarihan' ny Tompo, na dia teo aza ny fikomian' i Lamàna sy i Lemoela. Toko 19–22: milaza ny tanjon' i Nefia amin' ny fitanana ireo rakitsoratra (1 Ne. 6:1–6; 19:18)—dia ny handresy lahatra ny rehetra hahatsiaro ny Tompo Mpanavotra azy. Nitanisà sy nanazava ny hafatr' i Isaia izy (1 Ne. 20–21), nomban' ny fanantenana fa ho tonga amin' ny fahafantarana an' i Jesoa

Kristy ho ny Mpamonjy sy Mpanavotra azy ny rehetra (1 Ne. 22:12).

Ny bokin' ny 2 Nefia: Toko1–4: mirakitra ny sasany amin' ny fampianarana sy faminaniana farany nataon' i Lehia talohan' ny nahafatesany, ka isan' izany ny fitsofan-drano ireo zanany lahy sy ny taranany. Toko 5: manazava ny antony nisarahan' ny Nefita tamin' ny Lamanita. Nanorina tempoly, nampianatra ny lalàn' i Mosesy ary nitana rakitsoratra ny Nefita. Toko 6–10: mirakitra ny tenin' i Jakôba zandrin' i Nefia. Namerina ny tantaran' i Joda sy naminany momba ny Mesia i Jakôba, ka ny sasany amin' izany dia nalaina avy ao amin' ny rakitsoratra ny mpaminany Isaia. Toko 11–33: firaketan' i Nefia ny tenivavolombelony momba an' i Kristy, ny tenivavolombelon' i Jakôba, ny faminanian' ny andro farany, ary toko maromaro momba ny bokin' i Isaia ao amin' ny Testamenta Taloha.

Takelak' i Nefia: *Jereo* Takelaka

NEFIA, ZANAKALAHIN' I NEFIA, ZANAKALAHIN' I

HELAMÀNA. *Jereo koa* Mpianatra; Nefia, Zanakalahin' i Helamàna

Iray amin' ireo Nefita mpianatra roa ambin' ny folo izay nofidin' i Jesoa Kristy tafatsangana tamin' ny maty ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (3 Ne. 1:2–3; 19:4). Nivavaka mahery tamin' ny Tompo ho an' ny vahoakany ity mpaminany ity. Nandre ny feon' ny Tompo i Nefia (3 Ne. 1:11–14). Novangian' ny anjely, nandroaka devoly, nanangana ny rahalahiny tamin' ny maty ary namela fijoroana ho vavolombelona tsy azo lavina koa i Nefia (3 Ne. 7:15–19; 19:4). Nitahiry ny rakitsoratra masina i Nefia (3 Ne. 1:2–3).

Ny bokin' ny 3 Nefia: Boky nosoratan' i Nefia, zanakalahin' i Nefia ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Toko 1–10: maneho ny fahatanterahan' ny faminaniana momba ny fiavian' ny Tompo. Nomena ireo famantarana ny fahaterahan' i Kristy; nibebaka ny olona saingy niverina tamin' ny fahara-

tsiana indray avy eo. Farany, tafiotra, horohoron-tany, tadio mahery vaika ary faharavana lehibe no nanamarika ny fahafatesan' i Kristy. Toko 11–28: mitantara ny fiavian' i Kristy tany Amerika. Io no fototry ny bokin' ny 3 Nefia. Maro amin' ireo tenin' i Kristy no mitovy amin' ny toriteny nataony voarakitra ao amin' ny Baiboly (ohatra Matio 5–7 sy 3 Ne. 12–14). Toko 29–30: tenin' i Môrmôna amin' ireo firenen' ny andro farany.

Ny bokin' ny 4 Nefia: Ity boky ity dia tsy manana afa-tsy andininy sivy amby efaolo, izay ao anatin' ny toko iray ihany, kanefa maharakotra ny tantaran' ny Nefita efa ho telonjato taona (34–321 taorian' i J.K.). Taranaka mpanoratra maromaro nifandimby, ka isan' izany i Nefia, no nandray anjara tamin' ny fanoratana azy. Andininy 1–19: milaza fa nandray ny filazantsara avokoa ny Nefita sy ny Lamanita taorian' ny namangian' ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty azy ireo. Fandriampahalemana, fitiavana ary firindrana no nanjaka. Nanompo ny olona ireo mpianatra Nefita telolahy izay navelan' i Kristy hijanona eto an-tany hatramin' ny fiaviany fanindroany (3 Ne. 28:4–9). Navelan' i Nefia tamin' i Amôsa zanany lahy ny rakitsoratra. Andininy 19–47: mirakitra ny fanompoan' i Amôsa (84 taona) sy ny an' i Amôsa zanany lahy (112 taona). Tamin' ny 201 taorian' i J.K., dia nanomboka niteraka olana teo anivon' ny vahoaka ny avonavona, ka nizara ho saranga sy nanomboka fiangonan-diso hahazoan-karena izy ireo (4 Ne. 1:24–34).

Ireo andininy farany ao amin' ny 4 Nefia dia mampiseho fa niverina tamin' ny faharatsiany indray ny vahoaka (4 Ne. 1:35–49). Maty i Amôsa zanakalahin' i Amôsa ny 305 taorian' i J.K. ary nafenin' i Amarôna rahalahiny ireo rakitsoratra masina rehetra mba hitehirizana izany. Tatỳ aoriana ireo takelaka dia nomen' i Amarôna an' i Môrmôna izay nanoratra zava-maromomba ny androm-piainany ary namintina izany avy eo (Môrm. 1:2–4).

NEFITA. *Jereo koa* Bokin' i Môrmôna; Lamanita; Nefia, Zanakalahin' i Lehia

Andian' olona ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay taranaky ny mpaminany Nefia, zanakalahin' i Lehia ny ankamaroany. Nisaraka tamin' ny Lamanita izy ireo, ary amin' ny ankapobeny dia marina kokoa noho ny Lamanita. Na izany aza anefa, dia nofongoran' ny Lamanita izy tamin' ny farany noho ny faharatsiana.

Nisaraka tamin' ny Lamanita ny Nefita, **2 Ne.** 5:5–17. Ireo rehetra izay tsy Lamanita dia Nefita, **Jkb.** 1:13. Ny Nefita dia nentanin' ny foto-kevitra tsaratsara kokoa, **Almà** 43:6–9, 45. Tsy nisy na oviana na oviana teo anivon' ny vahoakan' i Nefia fotoana sambatra kokoa, noho ny tamin' ny andron' i Môrônia, **Almà** 50:23. Notsimbinina ny Nefita noho ny fivavaky ny marina, **Almà** 62:40. Ny Nefita dia nanomboka nihemotra tao amin' ny tsy finoana, **Hel.** 6:34–35. Nampianatra sy nanompo teo anivon' ny Nefita i Jesoa, **3 Ne.** 11:1–28:12. Niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny vahoaka ary niarahany nanana avokoa ny zavatra teo anivony, **4 Ne.** 1:2–3. Tsy nisy fifandirana teo amin' ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao am-pon' ny vahoaka, ary vahoaka sambatra indrindra izy, **4 Ne.** 1:15–16. Nanomboka niavonavona tao am-pony ny vahoakan' i Nefia, ary tonga nirehaka, **4 Ne.** 1:43. Ra sy fandripahana no nipariaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, **Môrm.** 2:8. Nitombo faharatsiana ny Nefita ka nandà tsy hitarika azy i Môrmôna, **Môrm.** 3:9–11. Maty daholo ireo Nefita afa-tsy efa amby roaolo, **Môrm.** 6:7–15. Novonoina ho faty ny Nefita tsirairay izay tsy te handà an' i Kristy, **Môro.** 1:2. Ny Nefita dia potika noho ny helony sy ny fahavetavetany, **F&F** 3:18. Nefa mitandrema amin' ny avonavona, fandrao hanjary ho toy ny Nefita ianareo, **F&F** 38:39.

NEHEMIA

Isiraelita ambony tany Babylona ao

amin' ny Testamenta Taloha (na Levita na avy amin' ny fokon' i Joda), nihazona ny andraikitra ny mpitondra kapoaka tao amin' ny lapan' i Artaksersesy, izay nanome azy ny fahefan' ny mpanjaka hanangana indray ny mandan' i Jerosalema.

Ny bokin' i Nehemia: Ity boky ity dia fitohizan' ny bokin' i Ezra. Mirakitra ny fitantarana ny fandrosoana sy ny fahasarotan' ny asa tao Jerosalema taorian' ny niverenan' ny Jiosy avy amin' ny fahababoana tany Babylona izy. Toko 1–7: milaza ny famangian' i Nehemia voalohany an' i Jerosalema sy ny fananganana indray ny mandan' ny tanàna na dia teo aza ny fanoherana mafy. Toko 8–10: manoritsoritra ny fanovana ara-pivavahana sy arapiarahamonina nandraman' i Nehemia notontosaina. Toko 11–13: manome ny lisitry ny anaran' ireo izay mendrika sady mitantara ny fanokanana ny manda. Andininy 4–31 amin' ny toko 13: mitantara ny famangian' i Nehemia fanindroany an' i Jerosalema taorian' ny tsy maha-teo an-toerana azy nandritra ny roa ambin' ny folo taona.

NEHÔRA. *Jereo koa* Antikristy; Komiberaky ny Mpisorona

Lehilahy ratsy fanahy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. I Nehôra no anisan' ny voalohany nampiasa ny komiberaky ny mpisorona teo anivon' ny Nefita. Novonoina noho ny helony i Nehôra rehefa avy nitondra fampianaran-diso sy namono an' i Gideôna (Almà 1). Nanohy ny fampianarana sy ny fanao ratsiny ireo mpanara-dia an' i Nehôra, fotoana maro taorian' ny nahafatesany.

Nogadrain' ny mpitsara iray izay araka ny lamin' i Nehôra i Almà sy i Amioleka, **Almà** 14:14–18. Araka ny fandraharahan' i Nehôra ireo izay voavono, **Almà** 16:11. Maro no araka ny lamin' ny Nehôra, **Almà** 21:4. Ny maro indrindra tamin' ireo izay namono ny rahalahiny dia ireo araka ny lamin' ny Nehôra, **Almà** 24:28.

NIFIDY. *Jereo* Voafidy

NIKODEMOSY. *Jereo koa* Fariseo

Ao amin' ny Testamanta Vaovao, mpanapaka marin-toetra teo amin' ny Jiosy (azo inoana ho isan' ny Syne-driona) sady fariseo (Jao. 3:1).

Niresaka tamin' i Jesoa izy ny alina, **Jao.** 3:1–21. Niaro an' i Kristy tamin' ny Fariseo izy, **Jao.** 7:50–53. Nitondra zava-manitra izy tamin' ny fandevenana an' i Jesoa, **Jao.** 19:39–40.

NINIVE. *Jereo koa* Asyria; Jona

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny renivohitr' i Asyria sady foibem-barotra lehibe teo amin' ny morony atsianan' ny renirano Tigry nandritra ny roanjato taona mahery. Nianjera izany tamin' ny fahalavaoan' ny fanjakana Asyriana, ny 606 talohan' i J.K.

Nonina tao Ninive i Sankeriba mpanjakan' i Asyria, **2 Mpan.** 19:36. Nirahina hiantso ny tanàna mba hibe-baka i Jona, **Jona** 1:1–2 (Jona 3:1–4). Nibebaka ny mponin' i Ninive, **Jona** 3:5–10. Nandray an' i Ninive ho ohatra amin' ny fibebahana teo anoloan' ny Jiosy i Kristy, **Mat.** 12:41.

NITAHY. *Jereo* Fitahiana

NOA, PATRIARIKA AO AMIN'

NY BAIBOLY. *Jereo koa* Avana; Gabriela; Safo-drano tamin' ny Andron' i Noa; Sambofiara

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Lameka sady patriarika fahafolo hatramin' i Adama (Gen. 5:29–32). Nijoro ho vavolombelona ny amin' i Kristy izy ary nitory fibebahana tamin' ny taranaka ratsy fanahy. Nandidy azy Andriamanitra rehefa nolavin' ny olona ny hafatra nentiny, hanao sambofiara hampiantranoana ny fianakaviany sy ny biby rehetra rehefa safotry ny rano ny tany mba ho famongorana ny ratsy fanahy (Gen. 6:13–22; Mos. 8:16–30). Nampianatra ny mpaminany Joseph Smith fa i Noa

no anjely Gabriela sady manarakaraka an' i Adama amin' ny fihazonana ny fanalahidin' ny famonjena.

Izy sy i Jafeta, i Sema, i Hama, mbamin' ny vadin' izy ireo no voavonjy raha nanamboatra sambofiara araka ny didin' ny Tompo, **Gen.** 6–8 (Heb. 11:7; 1 Pet. 3:20). Nanavao tamin' i Noa ny fanekempihavanana nataony tamin' i Enoka ny Tompo, **Gen.** 9:1–17 (Mos. 7:49–52; DJS, **Gen.** 9:15, 21–25). Folo taona i Noa raha natokana ho amin' ny fisoronana tamin' ny tananan' i Metose-la, **F&F** 107:52. Nitady hanala ny ain' i Noa ny olona saingy niaro azy ny herin' ny Tompo, **Mos.** 8:18. Tonga mpitory ny fahamarinana izy ary nampianatra ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, **Mos.** 8:19, 23–24 (2 Pet. 2:5).

NOÀ, ZANAKALAHIN' I ZENIFA

Mpanjaka ratsy fanahy iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nanjaka tamin' ny andiana Nefita tao amin' ny tanin' i Nefia izy.

Nanao fahotana maro i Noà, **Môsià** 11:1–15. Nandidy ny hamonoana an' i Abinadia mpaminany izy, **Môsià** 13:1 (**Môsià** 17:1, 5–20). Maty nodorana i Noà, **Môsià** 19:20.

NOFO. *Jereo koa* Ara-nofo; Mety Maty; Olona araka ny Nofo; Vatana

Manana heviny maro ny hoe nofo: (1) ny tamban-tsela malemy izay mandrafitra ny vatan' ny olombelona, ny biby, ny vorona na ny trondro, (2) fiainana an-tany; na (3) ny toe-batana na ny toetra maha-nofo ananan' ny olona.

Tamban-tselan' ny vatana: Ho fihinanareo ny biby, **Gen.** 9:3. Tsy tokony hovanoina tsy amin' ny antony ny biby, **DJS**, **Gen.** 9:10–11 (**F&F** 49:21). Natao ho fihinana sy ho fitafian' ny olona ny biby sy ny voromanidina, **F&F** 49:18–19 (**F&F** 59:16–20). Tokony hahalala onona amin' ny fihinanana hena isika, **F&F** 89:12–15.

Fiainana an-tany: Jesoa no hany Zanaka

Lahitokan' ny Ray ao amin' ny nofo, **Jao.** 1:14 (**Môsià** 15:1–3). Adama no tonga nofo voalohany, **Mos.** 3:7.

Toetra maha-nofo ny olona: Voaozona ny olona izay manao ny nofo ho sandriny, **Jer.** 17:5. Vonona ihany ny fanahy fa ny nofo no malemy, **Mar.** 14:38. Ny filandratin' ny nofo dia tsy avy amin' ny Ray, **1 Jn.** 2:16. Ory i Nefia noho ny nofony sy ny helony, **2 Ne.** 4:17–18, 34. Aza mihavana amin' ny devoly sy ny nofo, **2 Ne.** 10: 24.

NOFY. *Jereo koa* Fanambarana

Fomba iray izay anambaran' Andriamanitra ny sitrapony amin' ny lehilahy sy ny vehivavy eto an-tany. Tsy fanambarana anefa ny nofy rehetra. Ny nofy avy amin' ny fanahy dia vokatry ny finoana.

Nanonofy izy ka indro ny tohatra iray nahatratra ny lanitra, **Gen.** 28:12. Nahazo nofy i Josefa, **Gen.** 37:5. Hiteny aminy ao amin' ny nofy ny Tompo, **Nom.** 12:6. Nahazo nofy i Nebokadnezara, **Dan.** 2:1–3. Hahazo nofy ireo lahiantitra, **Joe.** 3:1 (**Asa** 2:17). Niseho taminy tamin' ny nofy ny anjelin' ny Tompo, **Mat.** 1:20 (**Mat.** 2:19). Nanoratra zavatra maro efa hitany tamin' ny nofy i Lehia, **1 Ne.** 1:16. Nahazo nofy i Lehia, **1 Ne.** 8.

NOMERY. *Jereo koa* Pentateoka

Boky fahefatra ao amin' ny Testamenta Taloha. I Mosesy no nanoratra ny bokin' ny Nomery. Ny bokin' ny Nomery dia mitantara ny dian' i Isiraely avy tao an-tendrombohitra Sinay nankany amin' ny lemak' i Moaba teo imoron' i Kanana. Iray amin' ny lesona lehibe ampianariny ny tsy maintsy andehanan' ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny finoana sy amin' ny fahatokiana ny fampantanentany raha tiany ny hahomby. Mitantara ny famaizan' Andriamanitra an' i Isiraely noho ny tsy fankatoavana izany ary manome fampahafantarana momba ny lalàn' ny Isiraelita. Avy amin' ny habetsahan' ny olona voaisa tao amin' ny fanisam-

bahoaka ny anaran' ny boky (Nom. 1–2, 26).

Toko 1–10: mitantara ny fiomanan' ny Isiraelita amin' ny fandehanany avy eo Sinay. Toko 11–14: mitantara ny dia, ny fandefasana mpitsikilo tany Kanana ary ny fandavan' i Isiraely hiditra ny tany nampanantenaina. Toko 15–19: manamarika lalàna samihafa sy zava-nitranga ara-tantara. Toko 20–36: tantaran' ny taona farany nodiavin' ny vahoaka tany an-tany efitra.

NY ANDRIAMANITRA. *Jereo*
Andriamanitra

NY IRAY MASIN' NY ISIRAEELY.
Jereo Jesoa Kristy

OBADIA

Mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha, izay nanambara mialoha ny loza hanjo an' i Edoma. Mety ho nandritra ny nanjakan' i Jehorama (848–844 talohan' i J.K.) no naminaniany, na koa nandritra ny fanafihan' ny Babylonia-na ny 586 talohan' i J.K.

Ny bokin' i Obadia: Boky iray ao amin' ny Testamenta Taloha. Tsy mirakitra afa-tsy toko iray izany. Ao anatiny no anoratan' i Obadia ny fahalavaon' i Edoma sy aminaniany fa hitsangana eo an-Tendrombohitra' i Ziona ireo mpamonjy.

OBEDA. *Jereo koa* Boaza; Rota

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny zanakalahin' i Boaza sy i Rota sady rain' i Jese izay lasa rain' i Davida Mpanjaka (Rota 4:13–17, 21–22).

OHABOLANA

Teny fananarana fohy na torohevitra.

Ny bokin' ny Ohabolana: Boky ao amin' ny Testamenta Taloha mirakitra fanoharana, teny, ary tononkalo maro izay nosoratan' i Solomona ny sasany. Voatonona matetika ao amin' ny Testamentana Vaovao ny bokin' ny Ohabolana.

Toko 1–9: mirakitra fanazavana momba ny tena fahendrena. Toko 10–24: mirakitra amboaram-pitenenana momba ny fomba fiainana tsara sy ratsy. Toko 25–29: mirakitra ny ohabolan' i Solomona izay nosoratan' ny olon' i Hezekia, mpanjakan' i Joda. Toko 30–31: mirakitra filazalazana ny amin' ny vehivavy tsara toetra.

OLIVA, TENDROMBOHITRA.

Jereo koa Getsemane

Vohitra atsinanan' ny lohasaha Kidrona, ao atsinanan' i Jerosalema. Ao amin' ny solampiny andrefana, akai-kin' ny fotony no misy ny zaridainan' i Getsemane. Ao amin' ny tendrony ary amin' ny solampiny atsinanana kosa no misy an' i Betifage sy i Betania. Toerana nitrangan' ny zavatra maro tao amin' ny Baiboly io tendrombohitra io (Mat. 24:3) sady toerana hanana ny lanjany amin' ny zava-hitanga amin' ny andro farany (Zak. 14:3–5; F&F 45:48–54; 133:20).

OLOM-BOAFIDY

Ny olom-boafidy dia ireo izay tia an' Andriamanitra amin' ny fony manontolo ary miaina araka ny sitrany. Ireo mpianatra izay miaina toy izany dia hofantenan' ny Tompo indray andro any ho anisan' ireo zanaka nofinidiny.

Raha azo atao, na ny olom-boafidy aza dia hofitahiny, **Mat.** 24:24. Nifaly i Jaona, satria ireo zanak' ilay andriambavy voafidy dia marina sady mahatoky, **2 Jn.** 1. Voavela ny helokao ary ianao dia vehivavy nofinidy, **F&F** 25:3. Mandre ny feoko ny olom-boafidiko ary tsy manamafy ny fony, **F&F** 29:7. Dia toy izany no hanangonako ny olom-boafidiko avy amin' ny vazan-tany efitra, **F&F** 33:6. Homena ho famonjena ny olom-boafidiko ny Soratra Masina, **F&F** 35:20–21. Ireo izay milofo amin' ny antson' ny fisoronana dia tonga olom-boafidin' Andriamanitra, **F&F** 84:33–34. Noho ny amin' ny olom-boafidy, dia hohafomezina ny androm-pahoriana, **JS—M** 1:20.

OLOMASINA. *Jereo koa* Fiangonan' i Jesoa Kristy; Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, Ny; Kristiana

Mpikambana mahatoky ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Angony ety amiko ny oloko masina, **Sal.** 50:5. Nanao ratsy maro tamin' ny olomasina tao Jerosalema i Saoly, **Asa** 9:1–21. I Petera dia nidina ho any amin' ny Olomasina nonina tany Lyda koa, **Asa** 9:32. Ho an' izay rehetra any Roma, sady voantso no masina, ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana, **Rom.** 1:7. Mpiray fanjakana amin' ny Olomasina ianareo, **Ef.** 2:19–21. Nahatazana ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra aho, dia ny Olomasin' Andriamanitra, **1 Ne.** 14:12. Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra raha tsy tonga Olomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy, **Môsià** 3:19. Izaho Tompo no efa nitahy ny tany mba hampiasain' ny Olomasiko, **F&F** 61:17. Miady amin' ny olomasin' Andriamanitra i Satana, **F&F** 76:28–29. Omano ny Olomasina ho amin' ny fitsarana izay ho avy; **F&F** 88:84–85. Tokony hizara amin' ny fananany ho an' ny mahantra sy ny mijaly eo anivony ny Olomasina, **F&F** 105:3. Efa nomeko ireo anjara fanompoana eo ambony ireo ho an' ny asa fanompoana sy ny fanatanterahana ny olomasiako, **F&F** 124:143 (**Ef.** 4:12).

OLONA. *Jereo koa* Andriamanitra; Fahariana ara-pahany; Fanahy; Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra

Enti-manambara ny olombelona reheotra na lahy na vavy. Ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia fanahy zanaky ny Ray any an-danitra ara-bakiteny. Mandray vatana nofo mety maty izy ireo rehefa teraka eto an-tany. Nohariana araka ny endrik' Andriamanitra ireo vatana ireo (**Gen.** 1:26–27). Ireo lehilahy sy vehivavy izay mahatoky amin' ny fandraisana ireo ôrdônansy

tsy azo ialàna, mitandrana ireo fanekeh-pihavanana nataony ary mankatò ny didin' Andriamanitra dia hiditra ao amin' ny fisandratany sy ho tonga tahaka an' Andriamanitra.

Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny, **Gen.** 1:27 (**Môsià** 7:27; **F&F** 20:17–18). Inona moa ny olona no ahatsiarovanao azy? **Sal.** 8:4–5. Ho voaozona izay olona matoky olona sy manao ny nofo ho sandriny, **Jer.** 17:5 (2 **Ne.** 4:34; 28:26, 31). Nony efa lehibe aho dia nariako ny fahazazana, **1 Kor.** 13:11. Misy ny olona mba hahazo fifaliana, **2 Ne.** 2:25. Ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, **Môsià** 3:19. Tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? **3 Ne.** 27:27. Tsy ny asan' Andriamanitra no voasakana, fa ny asan' ny olona, **F&F** 3:3. Tsy tokony ho natahotra ny olona mihoatra noho Andriamanitra ianao, **F&F** 3:7 (**F&F** 30:11; 122:9). Ny zavatra rehetra dia natao ho tombontsoa sy hampiasain' ny olona, **F&F** 59:18. Fantatro fa tsinontsinona ny olona, **Mos.** 1:10. Ny asa sy voninahitr' Andriamanitra dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39.

Olona, fanahy zanaky ny Ray any an-danitra: Dia niankohoka izy nanao hoe: Andriamanitra ô, Andriamanitry ny fanahin' ny nofo rehetra, **Nom.** 16:22 (**Nom.** 27:16). Zanak' i Jehovah Andriamanitrareo hianareo, **Deot.** 14:1. Andriamanitra hianareo ary zanaky ny Avo Indrindra hianareo rehetra, **Sal.** 82:6. Zanak' Ilay Andriamanitra velona hianareo, **Hosea** 1:10. Tsy mpiombon-dravy va isika rehetra? Tsy Andriamanitra iray ihany va no nahary antsika? **Mal.** 2:10. Terak' Andriamanitra isika, **Asa** 17:29. Ny Fanahy dia miara-milaza amin' ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika, **Rom.** 8:16. Ekeo ny Rain' ny fanahy, **Heb.** 12:9. Ny fanahin' ny olon-drehetra dia entina mody any amin' ilay Andriamanitra izay nanome aina azy, **Almà** 40:11. Ny mponin' ireo tany dia

ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra, **F&F** 76:24. Niaraka tamin' ny Ray ny olombelona tany am-piandohana **F&F** 93:23, 29. Andriamanitra dia nahary ara-panahy ny olombelona rehetra, talohan' ny nisiany ara-batana teto ambonin' ny tany, **Mos.** 3:5–7. Izaho no Andriamanitra; Izaho no nanao izao tontolo izao sy ny olona talohan' ny nahatongavana ny ho nofo, **Mos.** 6:51.

Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra: Aoka ho tanteraka hianareo, toy ny fahatanterahan' ny Rainareo izay any an-danitra, **Mat.** 5:48 (3 Ne. 12:48). Tsy voasoratra ao amin' ny lalànareo va hoe: andriamanitra ianareo? **Jao.** 10:34 (**F&F** 76:58). Sady mpandova an' Andriamanitra no mpiray lova amin' i Kristy isika, **Rom.** 8:17. Zanaka ianareo, ary raha zanaka dia mpandova an' Andriamanitra amin' ny alalan' i Kristy, **Gal.** 4:7. Raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, **1 Jn.** 3:2. Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako, **Fan.** 3:21. Nomeko azy ny ho tonga zanak' Andriamanitra, **3 Ne.** 9:17. Andriamanitra ireo izay mandova ny fanjakana selestialy, eny zanakalahin' Andriamanitra, **F&F** 76:50, 58. Dia ho andriamanitra izy ireo satria manana ny hery rehetra, **F&F** 132:20.

OLONA ARAKA NY NOFO. *Jereo*

koa Ara-nofo; Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra;
Fahalavaon' i Adama sy i Eva

Olona mifidy ny hotarihin' ny firehetampo, ny faniriana, ny filana ary ny fahatsapan' ny nofo noho izay ny fitaoman' ny Fanahy Masina. Ny olona toy izany dia afaka mahatakatra ny zavatra ara-nofo fa tsy ny zavatra arapanahy. Ara-nofo, na mety maty avokoa ny olon-drehetra noho ny fahalavaon' i Adama sy i Eva. Tsy maintsy ateraka indray amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ny olona tsirairay vao mitsahatra tsy ho olona araka ny nofo.

Ny olona araka ny nofo dia tsy mandray izay an' ny Fanahy, **1 Kor.** 2:14. Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra ary tokony hoesorina, **Môsià** 3:19. Izay miziriziry amin' ny maha-olon' ny nofo azy dia mijanona ao amin' ny toetry ny fahalavoany, **Môsià** 16:5 (**Almà** 42:7–24; **F&F** 20:20). Iza no olona araka ny nofo ka mahalala ireo zavatra ireo? **Almà** 26:19–22. Ny olon-drehetra izay ao amin' ny toetra voajanahary na ao amin' ny toetry ny nofo, dia tsy manana an' Andriamanitra izy eo amin' izao tontolo izao, **Almà** 41:11. Noho ny fandikan-dalàna nataony, dia tonga maty ara-panahy ny olona, **F&F** 29:41. Tsy afaka mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra ny olona araka ny nofo, **F&F** 67:12. Ny olona dia nanomboka nanarana ny vatana, ny filandratsy ary ho devoly toetra, **Mos.** 5:13 (**Mos.** 6:49).

OLONA NIOVA FO. *Jereo*

Fiovam-po

OLONA NOVANA

Olona novana mba tsy handalo fanaintanana na fahafatesana mandrapahatongan' ny fitsanganany ho amin' ny tsy fahafatesana.

Ary niaraka nandeha tamin' Andriamanitra Enoka; ka tsy hita izy, fa nentin' Andriamanitra, **Gen.** 5:24 (**Heb.** 11:5; **F&F** 107:48–49). Tsy misy olona mahalala ny fasan' i Mosesy mandraka androany, **Deot.** 34:5–6 (**Almà** 45:19). Elia niakatra tamin' ny tafio-drivotra ho any an-danitra, **2 Mpan.** 2:11. Raha tiako hitoetra izy mandra-pihaviko, ahoanao izany? **Jao.** 21:22–23 (**F&F** 7:1–3). Tsy hanandrana fahafatesana na oviana na oviana ianareo, **3 Ne.** 28:7. Mba tsy hahazoany manandrana fahafatesana dia nisy fiovana natao tamin' ny vatany, **3 Ne.** 28:38 (4 Ne. 1:14; **Môrm.** 8:10–11). Ho velona i Jaona ilay lalaina mandra-piavin' ny Tompo, **F&F** 7. Izaho efa naka an' i Zionan' i Enoka ho eo an-tratrako, **F&F** 38:4 (**Mos.** 7:21, 31, 69). Tanàna voatokana mandra-pahatongan' ny

andron' ny fahamarinana i Enoka sy ireo rahalahiny, **F&F** 45:12. Elia Mpa-minany izay nalaina ho any an-danitra ka tsy nanandrana fahafatesana, **F&F** 110:13. Ary nilatsaka tamin' ny maro ny Fanahy Masina ary izy ireo dia nakarina ho ao Ziona, **Mos.** 7:27.

OMEGA. *Jereo Alfa sy Omega; Jesoa Kristy*

ÔMNERA. *Jereo koa Môsià, Zanakalahin' i; Môsià, Zanakalahin' i Benjamîna*

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanakalahin' ny Mpanjaka Môsià. Nandeha niaraka tamin' ireo rahalahiny nitory tamin' ny Lamanita i Ômnera (Môsià 27:8–11, 34–37; 28:1–9).

ÔMNIA

Nefita mpitana rakitsoratra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nanoratra manodidina ny 361 talohan' i J.K. (Jar. 1:15; Ômn. 1:1–3).

Ny bokin' i Ômnia: Boky nadika avy amin' ny takelaka kelin' i Nefia ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Tsy misy afa-tsy toko iray ny boky, toko izay mirakitra ny fitantarana ireo ady nifanaovan' ny Nefita sy ny Lamanita. Tsy nanoratra afa-tsy ny andininy telo voalohany ao amin' ny boky i Ômnia. Nifandimby nihazona ny takelaka rehefa izany i Amarôna, i Kemisa, i Abinadôma ary farany i Amalekià. I Amalekià no nanome ireo takelaka an' ny mpanjaka Benjamîna, mpanjakan' i Zarahemlà.

ORA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny Oran' i Kaldeana no tany niavian' i Abrama (Gen. 11:27–28, 31; 15:7; Neh. 9:7; Abr. 2:1, 4).

ÔRDÔNANSY. *Jereo koa*

Famehezana; Famonjena;
Famonjena ho an' ny Maty;
Tempoly, Tranon' ny Tompo;
Tetiarana

Fanao sy fombafomba masina. Ny

ôrdônansy dia raharaha manana heviny ara-panahy. Ny ôrdônansy dia mety koa ho ireo lalàna sy fitsipik' Andriamanitra.

Ny ôrdônansy ao amin' ny Fiangonana dia ahitana ny fitsofan-drano ny marary (Jak. 5:14–15), ny fanamasinana ny fanasan' ny Tompo (**F&F** 20:77, 79), ny batisa asitrika (Mat. 3:16; **F&F** 20:72–74), ny fitsofan-drano ny zaza (**F&F** 20:70), ny fanomezana ny Fanahy Masina (**F&F** 20:68; 33:15), ny fanolorana ny fisoronana (**F&F** 84:6–16; 107:41–52), ny ôrdônansin' ny tempoly (**F&F** 124:39) ary ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay (**F&F** 132:19–20).

Ampianaro azy ireo ny didy sy ny lalàna, **Eks.** 18:20. Mandehana araka ny didiko ary tandremo ireo ôrdônansiko, **Ezek.** 11:20. Nohasarotin' ny vahoaka ny fanarahana ny ôrdônansin' Andriamanitra, **Almà** 30:3. Inona no soa efa azo tamin' ny nitandremantsika ny ôrdônansiny? **3 Ne.** 24:13–14. Koa izay mivavaka, ka manenina ny fanahiny, dia izy no ekeko raha mankatò ny ôrdônansiko, **F&F** 52:14–19. Azo vonjena ny olombelona rehetra, amin' ny fanakatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin' ny filazantsara, **Fp.** 1:3.

Ôrdônansy soloana tena: Ôrdônansy ara-pivavahana izay ataon' ny velona ho an' ny olona efa maty. Ireo ôrdônansy ireo dia tsy manan-kery raha tsy efa manaiky azy, mitandrana ny fanekempihavanana mifanaraka aminy, ary voaisy kasen' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana ny olona izay anaovana azy. Tanterahina any amin' ny tempoly ny ôrdônansy toy izany ankehitriny.

Hanao ahoana izay atao batisa ny amin' ny maty raha tsy hatsangana mihitsy ny maty? **1 Kor.** 15:29. Atao any amin' ny tempoly ny batisa ho an' ny maty, **F&F** 124:29–36. Nampianarina ny batisa soloana tena ho famelana ny fahotana ireo fanahy tao amin' ny tonolon' ny fanahy, **F&F** 138:29–34.

ORIMA SY TOMIMA. *Jereo koa*

Mpahita; Saron-tratra

Fitaovana nomanin' Andriamanitra hanampiana ny olona amin' ny fandraisana fanambarana sy amin' ny fandikana teny. Midika hoe "fahazavana sy fahatanterahana" ireo teny ireo amin' ny teny Hebreo. Ny Orima sy Tomima dia vita amin' ny vato roa ao anaty tandro-bolafotsy, ary ampiasaina miaraka amin' ny saron-tratra indraindray (F&F 17:1; JS—T 1:35, 42, 52). Ny tany dia ho lasa Orima sy Tomima lehibe ao amin' ny toetra-ny nohamasinina sy tsy mety maty (F&F 130:6–9).

Ataovy eo amin' ny saron-tratra fitsarana ny Orima sy Tomima, **Eks.** 28:30. Izay maharesy dia homeko vato fotsy, **Fan.** 2:17. Izy dia manana izay hahafahany mijery sy mandika, **Môsià** 8:13. Homeko anao ireto vato roa ireto, **Ete.** 3:23–24, 28 (Ete. 4:5). Nandray fanambarana tamin' ny alalan' ny Orima sy Tomima i Joseph Smith, **F&F** sasin-teny fizarana 6, 11, 14–16. Nomena fahefana ianao mba handika amin' ny alalan' ny Orima sy Tomima, **F&F** 10:1. Ireo vavolombelona telo dia hahita ny Orima sy Tomima izay nomena ny rahalahin' i Jarèda tao an-tendrambohitra, **F&F** 17:1. Ny toerana izay onenan' Andriamanitra dia Orima sy Tomima lehibe. Ny vato fotsy ho an' ny olona tsirairay izay mahazo anankiray, dia ho lasa Orima sy Tomima, **F&F** 130:6–11. Izaho Abrahama dia nanana ny Orima sy Tomima, **Abr.** 3:1, 4.

OZONA. *Jereo koa* Fanamelohana;

Faniratsirana

Ny ozona ao amin' ny soratra masina dia fampiharana ny lalàn' Andriamanitra, izay mamela na mitondra ny famaizana sy ny vokany hiantefa amina zavatra, olona na vahoaka noho ny tsy fahamarinana indrindra indrindra. Fanehoan' Andriamanitra ny fitiavany sy ny fahamarinany ny ozona. Azon' Andriamanitra antsoina mivantana izany na azon' ireo

mpanompony nomem-pahefana tononina. Andriamanitra ihany indraindray no mahalala ny antony feno. Ankoatra izany dia diavin' ireo izay minia tsy mankatò an' Andriamanitra ny ozona ka mampiala ny Fanahin' ny Tompo amin' ny tenany izy amin' izany.

Mety hanaisotra ny ozona ny Tompo noho ny finoan' ny tsirairay na ny vahoaka an' i Jesoa Kristy ary noho ny fankatoavana ny lalàna sy ny ôrdônansin' ny filazantsara (**Almà** 23:16–18; 3 **Ne.** 2:14–16; **Fp.** 1:3).

Nanozona ny menarana Andriamanitra noho ny nanangoleny an' i Adama sy i Eva, **Gen.** 3:13–15. (Mos. 4:19–21). Voaozona ny tany noho ny amin' i Adama sy i Eva, **Gen.** 3:17–19 (Mos. 4:23–25). Nanozona an' i Kaina ny Tompo noho ny namonoany an' i Abela, **Gen.** 4:11–16. (Mos. 5:22–41). Nanozona an' i Kanana sy ny taranany ny Tompo, **Gen.** 9:25–27. (Mos. 7:6–8; **Abr.** 1:21–27). Hotahina ny Isiraely raha mankatò an' Andriamanitra ary hazonina raha tsy mankatò, **Deot.** 28:1–68 (Deot. 29:18–28). Voaozona tamin' ny habokan' i Namàna i Gehazy sy ny taranany, **2 Mpan.** 5:20–27. Nanozona an' ilay firenen' i Isiraely fahiny ny Tompo noho ny tsy nandoa-vany ny fahafolonkarena sy ny fanatitra, **Mal.** 3:6–10. Nanozona ny aviavy i Jesoa ka maty izany, **Mar.** 11:11–14, 20–21. Nanozona ny tanànan' i Korazina i Betsaida ary i Kapernaomy i Jesoa, **Lio.** 10:10–15. Noho ny Lamanita tsy mety mihaino ny Tompo, dia nesorina hiala avy eo anatrehan' ny Tompo izy ireo ary voaozona, **2 Ne.** 5:20–24. Asaina ny rehetra hanatona an' Andriamanitra, **2 Ne.** 26:33. Ny Tompo dia hanozona an' ireo izay mahavita fijangajangana, **Jkb.** 2:31–33. Hahazo ozona lehibe kokoa noho ny Lamanita ny Nefita raha tsy mibebaka, **Jkb.** 3:3–5. Mahatonga ozona eo amin' ny tenany ny vahoaka mpi-komy, **Almà** 3:18–19 (Deot. 11:26–28). Voaozona i Kôrihôra noho ny nitarihan' ny olona hiala amin' Andriamanitra,

Almà 30:43–60. Nanozona ny tany sy ny haren' ny Nefita ny Tompo noho ny heloky ny vahoaka, **Hel.** 13:22–23 (2 Ne. 1:7; Almà 37:31). Nanozona an' ireo Jarèdita mamohetratra ny Tompo, **Ete.** 9:28–35. Ny sorompanavotan' i Kristy dia manaisotra ny ozona nihatra tamin' i Adama hiala amin' ny ankizy madinika, **Môrô.** 8:8–12. Ireo izay mivily miala amin' ny Tompo dia voaozona, **F&F** 41:1. Hamelezana ny tany ny ozona raha tsy misy fatorana mampifandray ny ray amin' ny zana-ka, **F&F** 128:18 (Mal. 3:23–24).

Faniratsirana: Ny manozona dia ny fampiasana koa fiteny izay maniratsira, manevateva, na manaraky.

Tsy tokony hanozona ny ray amandreniny ny olona, **Eks.** 21:17 (Mat. 15:4). Aza manozona an' ireo manapaka anao, **Eks** 22:28 (Mpito. 10:20). Tsy tokony hamingavinga an' Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy, **Lev.** 24:13–16. Niozona i Petera tamin' ny fandavany ny fahafantarany an' i Jesoa, **Mat.** 26:69–74. Nanozona an' Andriamanitra ireo Nefita ratsy fanahy ary naniry ny ho faty, **Môrm.** 2:14.

PAHÔRÀNA

Nefita lohan' ny mpitsara fahatelo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (Almà 50:39–40; 51:1–7; 59–62).

PAOLY. *Jereo koa* Epistilin' i Paoly

Apostoly iray ao amin' ny Testamenta Vaovao. Saoly no anaran' i Paoly amin' ny Hebreo, ary izany no anarana nentiny talohan' ny nanombohan' ny asa fitoriany tamin' ny Jentilisa. Nanenjika ny Fiangonana izy teo aloha saingy nanaiky ny fahamarinany rehefa nahita an' i Jesoa Kristy tamin' ny fahitana. Nanao dia fitoriana filazantsara telo lehibe i Paoly ary nanoratra taratasy maro tamin' ny Olomasina. Nandrafitra ny ampahany amin' ny Testamenta Vaovao ankehitriny ny efitra ambin' ny folo amin' ireo taratasy ireo. Nentina ho gadra tany Roma izy tamin' ny

farany ary novonoina tokony ho tamin' ny lohataonan' ny 65 taorian' i J.K.

Nankasitraka ny fitoraham-bato an' i Stefana, **Asa** 7:57–8:1. Nanenjika ny Olomasina, **Asa** 8:3. Nandeha tany Damaskosy raha nisehoan' i Jesoa, **Asa** 9:1–9. Nataon' i Ananiasy batisa, **Asa** 9:10–18. Niverina tany Damaskosy hitory teny taorian' ny nisintahany tany Arabia, **Asa** 9:19–25 (Gal. 1:17). Niverina tany Jerosalema, telo taona taorian' ny niovany fo, **Asa** 9:26–30 (Gal. 1:18–19). Nanao dia fitoriana filazantsara telo, nitory filazantsara sy nanangana sampan' ny Fiangonana tamin' ny toerana maro samihafa tao amin' ny fanjakana Romana, **Asa** 13:1–14:26; 15:36–18:22; 18:23–21:15. Nosamborina raha niverina tany Jerosalema taorian' ny asa fitoriany fahatelo, ary nalefa tany Kaisaria, **Asa** 21:7–23:35. Nijanona ho mpifatotra tao Kaisaria nandritra ny roa taona, **Asa** 24:1–26:32. Nalefa tany Roma mba hotsaraina, ary rendrika ny sambo nitondrana azy teny an-dalana, **Asa** 27:1–28:11.

PARADISA. *Jereo koa* Lanitra

Ampahan' ny tontolon' ny fanahy izay iandrasan' ireo fanahin' ny marina efa nandao izao fiainana izao ny fitsanganan' ny vatana amin' ny maty. Toeram-pifaliana sy fiadanana izany.

Ampiasaina koa ny *paradisa* ao amin' ny Soratra Masina hilazana ny tontolon' ny fanahy (Lio. 23:43), ny fanjakana selestialy (2 Kor. 12:4), ary ny toetra heni-boninahitry ny tany amin' ny Arivotaona (Fp. 1:10).

Izay maharesy dia havelako hihinana avy amin' ny hazon' aina, izay eo amin' ny paradisan' Andriamanitra, **Fan.** 2:7. Ny paradisan' Andriamanitra dia tsy maintsy manafaka ny fanahin' ny marina, **2 Ne.** 9:13. Ny fanahin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny toetry ny fahasambarana izay antsoina hoe paradisa, **Almà** 40:11–12. Ireo mpianatr' i Jesoa rehetra dia efa lasana avokoa nankany am-paradisan'

Andriamanitra, afa-tsy ny telo, **4 Ne.** 1:14. Handeha tsy ho ela aho hiala sasatra ao am-paradisana' Andriamanitra, **Môrô.** 10:34. Nampianarin' i Kristy ireo nodimandry marina tao amin' ny paradisa, **F&F** 138.

PARTRIDGE, EDWARD

Isan' ny mpikambana voalohany sady mpitondra tao amin' ny fiangonana taorian' ny namerenana izany indray amin' izao andro izao. Nanompo tamin' ny maha-eveka voalohany tao amin' ny fiangonana i Edward Partridge (**F&F** 36; 41:9–11; 42:10; 51:1–18; 115; 124:19).

PASKA. *Jereo koa* Fanasany Farany; Jesoa Kristy; Zanakondrin' Andriamanitra

Naorina ny fetin' ny Paska mba hanampiana ny zanak' Isiraely hahatsiaro ny nandalovan' ny anjely mpandringana teo amin' ny tranony sy ny nanafahany azy tamin' ny Egyptiana (Eks. 12:21–28; 13:14–15). Ny zanakondry tsy misy kilema, izay nampiasaina ho marika nanavotana an' i Isiraely fahiny ny rany, dia tandindon' i Jesoa Kristy, Ilay Zanakondrin' Andriamanitra, izay nanavotra ny olombelona rehetra ny sorona nataony.

Izao no lalàn' ny Paska, **Eks.** 12:43. Nitandrina ny Paska i Jesoa sy ny Apostoly tamin' ny fanasana Farany, **Mat.** 26:17–29 (Mar. 14:12–25). Indro ny Zanakondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, **Jao.** 1:29, 36. Fa voavono i Kristy, Paska ho antsika, **1 Kor.** 5:7. Isika dia navotana tamin' ny ran' i Kristy, toy ny zanak' ondry tsy misy kilema, **1 Pet.** 1:18–19. Manàna finoana ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, **Almà** 7:14. Harovana toy ny niarovana ny zanak' Isiraely ireo Olomasina miaina ny Tenin' ny Fahendrena, **F&F** 89:21. Voavono ny Zanakondry hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **Mos.** 7:47.

PATRIARIKA. *Jereo koa*

Evanjelistra; Fisoronana Melkizedeka; Ray, Mety Maty; Tsodranon' ny Patriarika

Milaza karazana Patriarika roa ny Soratra Masina: (1) anjara fanompoana voatokana amin' ny fisoronana Melkizedeka, izay antsoina hoe "evanjelistra" indraindray; (2) raim-pianakaviana. Ny Patriarika voatokana dia manome tsodrano manokana ireo mpikambana mendrika ao amin' ny Fiangonana.

Patriarika voatokana: Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, **Ef.** 4:11 (Fp. 1:6). Andraikitra ny Roambinifololahy ny manokana ireo mpanompo ara-pilazantsara, **F&F** 107:39. Afaka mandray ny anjara fanompoan' ny Patriarika ao amin' ny Fisoronana i Hyrum, **F&F** 124:91–92, 124; 135:1.

Ray: Nitsodrano ireo zanany sy ny taranak' izy ireo i Jakoba, **Gen.** 49:11–28. Aoka aho mba hilaza aminareo marimarina ny amin' i Davida patriarika, **Asa** 2:29. Nanoro hevitra sy nitsodrano ny taranany i Lehia, **2 Ne.** 4:3–11. Nanjary mpandova ara-dalana aho, mihazona ny zo nananan' ireo ray, **Abr.** 1:2–4.

PATTEN, DAVID W.

Mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo voalohany nofinidy tamin' ny fotoampitantan' ny andro farany. I David Patten no maritiora voalohan' ny Fiangonana tafaverina amin' ny laoniny raha izy maty tamin' ny ady tao amin' ny Renirano Crooked, tao Missouri, ny taona 1838.

Nantsoina handamina ny raharahany sy hanao asa fitoriana, **F&F** 114:1. Nalaina ho any amin' ny Tompo, **F&F** 124:19, 130.

PELEGA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Ebera sady zafimpaladian' i

Sema. Tamin' ny androny no nizara ny tany (Gen. 10:22–25).

PENTATEOKA. *Jereo koa*

Deoteronomia; Eksodosy;
Genesisy; Levitikosy; Mosesy;
Nomery; Testamenta Taloha

Anarana nomena ireo boky dimy voalohany ao amin' ny Testamenta Taloha—Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery ary Deoteronomia. Antsoin' ny Jiosy hoe “Tôrà” na ny lalàn' i Isiraely ireo boky ireo. I Mosesy no nanoratra azy (1 Ne. 5:10–11).

PENTEKOSTA. *Jereo koa Lalàn' i Mosesy*

Ao anatin' ny lalàn' i Mosesy, ny fetin' ny Pentekosta na ny voaloham-bokatra dia atao dimampolo andro aorian' ny fetin' ny paska (Lev. 23:16). Natao hankalazana ny fijinjana ny Pentekosta, ary antsoina hoe ny andro firavoravoana amin' ny fijinjana na ny andro firavoravoana manarakaraka ireo herinandro izany ao amin' ny Testamenta Taloha. Io fety io no nankalazaina tamin' ny fotoana nahafeno ny Fanahy Masina ireo Apostoly tany Jerosalema ka nitenenany fiteny samihafa (Asa 2; F&F 109:36–37).

PETERA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, i Petera dia fantatra tamin' ny anarana hoe Simeona na Simona tamin' ny voalohany (2 Pet. 1:1), ary mpanarato avy any Betsaida izay nonina tao Kapernaony niaraka tamin' ny vadiny (Mar. 1:29–31). Nanasitrana ny rafozam-bavin' i Petera i Jesoa (Mar. 1:29–31). Nantsoina niaraka tamin' i Andrea rahalahiny i Petera mba ho mpianatr' i Jesoa Kristy (Mat. 4:18–22; Mar. 1:16–18; Lio. 5:1–11). Ny Tompo no nanome azy ny anarana aramaika hoe Kefasy izay midika ho “mpahita” na “vato” (Jao. 1:40–42; DJS, Jao. 1:42). Na mitatitra ny fahalemen' ny maha-nofo sasany nananan' i Petera aza ny Testamenta Vaovao, dia asehony ihany koa ny nandresen' i Petera izany sy ny nana-

tanjarahana azy tamin' ny finoany an' i Jesoa Kristy.

Nambaran' i Petera fa i Jesoa no Kristy sady Zanak' Andriamanitra (Jao. 6:68–69), ary nifidy azy hihazona ny fanalahidin' ny fanjakany eto an-tany ny Tompo (Mat. 16:13–18). Nahita ny Mpamonjy niova tarehy, ary koa i Mosesy sy i Elia teo antendrombohitr' ny fiovan-tarehy i Petera (Mat. 17:1–9).

I Petera no lohan' ny Apostoly tamin' ny androny. Namory ny Fiangonana sy nitarika ny fiantsoana Apostoly iray hisolo an' i Jodasy Iskariota izy taorian' ny nahafatesana sy ny nitsanganana ary ny niakaran' ny Mpamonjy (Asa 1:15–26). Nanasitrana lehilahy malemy tongotra hatrany am-bohoka i Petera sy i Jaona (Asa 3:1–16) ary navoaka ny fonja tamin' ny fomba mahagaga (Asa 5:11–29; 12:1–19). Tamin' ny fanompoan' i Petera no nanokafana voalohany ny filazantsara tamin' ny Jentilisa (Asa 10–11). Tamin' izao andro farany izao, dia nidina avy any an-danitra niaraka tamin' i Jakoba sy i Jaona i Petera ka nanolotra ny fisoronana Melkizedeka sy ireo fanalahidiny tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery (F&F 27:12–13; 128:20).

Epistilin' i Petera voalohany: Nosoratan' na avy any Babylona (azo inoana ho Roma) ny epistily voalohany ary nalefa tany amin' ireo Olomasina tany amin' ny toerana antsoina ankehitriny hoe Azia Minora, fotoana fohy taorian' ny nanombohan' i Nerao ny fanenjehana ireo Kristiana.

Toko 1: miresaka ny andraikitra nanendrena mialoha an' i Kristy ho Mpanavotra. Toko 2–3: manazava fa i Kristy no tonga vatofehizoron' ny Fiangonana, fa mihazona fanjakampisoronana ny Olomasina, fa nitory tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina i Kristy. Toko 4–5: manazava ny antony itoriana ny filazantsara amin' ny maty sy ny antony tsy maintsy amahanan' ireo loholona ny ondry.

Epistily faharoa nosoratan' i Petera: Toko

1: fanentanana ny Olomasina hampitoetra ny fiantsoana sy ny fifidianana azy. Toko 2: fampitandremana amin' ny mpampianatra sandoka. Toko 3: miresaka ny amin' ny andro farany sy ny fiavian' i Kristy fanindroany.

PHELPS, WILLIAM W.

Isan' ny mpikambana sy mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana taorian' ny namerenana izany indray ny taona 1830. Nantsoin' ny Tompo ho mpanonta printy ho an' ny Fiangonana i William Phelps (F&F 57:11; 58:40; 70:1).

PILATO, PONTIO

Mpanapaka Romana tany Joda, ny 26–36 taorian' i J.K. (Lio. 3:1). Nankahala ny vahoaka Jiosy sy ny fivavahany izy ary nampamono Galileana maromaro farafaharatsiny (Lio. 13:1). Nampangaina sy nohelohina homboana teo anoloan' i Pilato i Jesoa (Mat. 27:2, 11–26, 58–66; Mar. 15; Lio. 23; Jao. 18:28–19:38).

PÔRNÔGRAFIA. *Jereo*

Fahadiovam-pitondrantena;
Fanitsakitsaham-bady;
Fijangajangana

PRATT, ORSON

Iray amin' ireo Apostoly Roa ambin' ny folo voalohany izay voantso taorian' ny famerenana indray ny Fiangonana amin' izao andro izao (F&F 124:128–129). Vao enina herinandro monja no naha-mpikambana azy raha nanome fanambarana ho azy tamin' ny alalan' i Joseph Smith ny Tompo (F&F 34). Mpitory filazantsara ho an' ny Fiangonana koa i Orson Pratt (F&F 52:26; 75:14) ary niasa ho toy ny mpahay tantara ho an' ny Fiangonana nandritra ny taona maro.

PRATT, PARLEY PARKER

Zokin' i Orson Pratt sady iray tamin' ireo Apostoly Roa ambin' ny folo nantsoina taorian' ny namerenana indray ny fiangonana amin' izao andro izao (F&F 124:128–129). Nantsoina tamin'

ny voalohany amin' ireo ezaka maro fitoriana filazantsara i Parley Pratt raha nanome azy fanambarana tamin' ny alalan' i Joseph Smith ny Tompo ny volana Ôktôbra 1830 (F&F 32; 50:37).

RA. *Jereo koa* Jesoa Kristy;

Sorompanavotana; Sorona

Heverin' ny Isiraelita fahiny sy ireo kolontsaina maro ankehitriny ho toy ny fitoeran' ny aina na ny hery mahavelona ny nofo rehetra. Tamin' ny fotoan' ny Testamenta Taloha, dia nandrara ny Isiraely ny Tompo tsy hihinana ra ho sakafo (Lev. 3:17; 7:26–27; 17:10–14).

Ny hery nanonitra tamin' ny sorona dia tao amin' ny ra, satria noheverina ho fototry ny aina izany. Ny fanaovana sorona ny biby ao amin' ny Testamenta Taloha dia tandindon' ny sorona lehibe notontosain' i Jesoa Kristy tatỳ aoriana. (Lev. 17:11; Mos. 5:5–7). Ny ram-panoneran' i Jesoa Kristy dia manadio izay mibebaka amin' ny fahotany (1 Jn. 1:7).

Ny dininy dia tahaka ny ra, **Lio. 22:44**. Hamasinina amin' ny fandatsahana ny ran' i Kristy isika, **Heb. 10:1–22**. Nivoaka ny masokodiny rehetra ny ra, **Môsià 3:7** (F&F 19:18). Ny ran' ny Tompo dia nalatsaka ho famelana ny fahotana, **F&F 27:2**. Nahatontosa sorompanavotana fanaperana i Jesoa tamin' ny fandatsahana ny rany, **F&F 76:69**. Amin' ny ra no hanamasinana anareo, **Mos. 6:60**.

RAFAELY. *Jereo koa* Anjely

Anjelin' ny Tompo izay nandray anjara tamin' ny famerenana indray ny zava-drehetra (F&F 128:21).

RAHALAHY. *Jereo koa* Olona;

Rahavavy

Amin' ny maha-zanaky ny Raintsika any an-danitra antsika, ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia mpirahalaky sy mpianadahy ara-panahy. Ao amin' ny Fiangonana ny lehilahy mpikambana mbamin' ny naman' ny Fiangonana dia mazàna antsoina hoe rahalahy.

Rehefa mibekaka ianao, dia ampahe-rezo ireo rahalahinao, **Lio.** 22:32. Izay tsy tia ny rahalahiny dia mitoetra ao amin' ny fahafatesana, **1 Jn.** 3:10–17. Hevero ho toy ny tenanareo ny rahalahinareo, **Jkb.** 2:17. Aoka ny olona tsirairay hihevitra ny rahalahiny ho toy ny tenany, **F&F** 38:24–25. Ampaherezo ny rahalahinareo amin' ny resakao rehetra, **F&F** 108:7.

RAHAVAVY. *Jereo koa Olona;*

Rahalahy

Amin' ny maha-zanak' Andriamanitra antsika, dia mpirahalaky sy mpirahavavy ara-panahy ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra. Ao amin' ny Fiangonana, dia antsoina matetika hoe rahavavy ny vehivavy mpikambana na naman' ny Fiangonana.

Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon' ny Raiko, dia izy no rahalahiko sy anabaviko, **Mat.** 12:50 (Mar. 3:35). Nampahafantarina ny lalàna izay mifehy ny fibabohan-keloka eo amin' ny rahalahy sy ny rahavavy ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 42:88–93.

RAHELY. *Jereo koa Jakoba,*
Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, vadin' i Jakoba (Gen. 29–31, 35). Renin' i Josefa sy i Benjamina koa izy.

RAMEOMTÔMA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, fitoerana avo nivavahan' ny Zôramita izay Nefita mpivadika (Almà 31:8–14).

RANO VELONA. *Jereo koa Jesoa*
Kristy

Tandindon' ny Tompo Jesoa Kristy sy ny fampianarany. Tahaka ny mahazavatra fototra ny rano amin' ny fihazonana ny aina, ny Mpamonjy sy ny fampianarany (rano velona) dia zava-dehibe indrindra ho an' ny fiainana mandrakizay.

Amin' ny fifaliana no hantsakanareo rano amin' ny loharanom-pamonjena, **Isa.** 12:3. Efa nahafay Ahy, loharanon'

aina izy, **Jer.** 2:13. Na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay, **Jao.** 4:6–15. Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro, **Jao.** 7:37. Ilay anja-by dia nitondra nankamin' ny loharanon' ny rano velona, **1 Ne.** 11:25. Misotroa maimaimpoana amin' ny ranon' aina, **F&F** 10:66. Ho loharanon' ny rano velona ny didiko, **F&F** 63:23.

RANOMASINA MATY

Ny ranomasin-tsira ao amin' ny faran' ny faritra atsimo amin' ny lohasahan' i Jordana. Fantatra ihany koa amin' ny hoe Ranomasina sira izany. Ny vohony dia sahabo ho 395 metatra ambanin' ny Ranomasina Mediteranea. Ny tanànan' i Sodoma, i Gomora ary i Zoara na i Bela no nanemitra ny morony (Gen. 14:2–3).

Ho fahatanterahan' ny faminaniana ary anisan' ny famantarana ny fiavian' ny Mpamonjy fanindroany ny hanasitrana ny ranon' ny Ranomasina Maty ka ho velona ny aina ao anatin' (Ezek. 47:8–9).

RANOMASINA MENA. *Jereo koa*
Mosesy

Velarana rano manelanelana an' i Egipta sy i Arabia. Mandrafitra ny moron' ny saikinosin' i Sinay ireo hoalany roa avaratra. Nosarahan' ny Tompo roa tamin' ny alalan' ny fomba mahagaga ny Ranomasina Mena mba hahafahan' ny Isiraelita teo ambany fitarihan' i Mosesy hamakivaky amin' ny tany maina (Eks. 14:13–31; Heb. 11:29). Hamafisin' ny fanambaran' ny andro farany ny nampisarahan' i Mosesy ny ranomasina (1 Ne. 4:2; Hel. 8:11; F&F 8:3; Mos. 1:25).

RATSY. *Jereo Faharatsiana*

RAY AMAN-DRENY. *Jereo koa Ray,*
Mety Maty; Reny

Ray sy Reny. Ireo mpivady mendrika nofehezina ara-dalàna tamin' ny fambadiana tao amin' ny tempolin'

Andriamanitra dia afaka mizaka ny andraikitra maha-ray aman-dreny azy mandrakizay.

Anaka maneke ny ray aman-drenina-reo, **Ef.** 6:1–3 (Kol. 3:20). Adama sy Eva no ray aman-drenintsika voalohan'ny, **1 Ne.** 5:11. Ireo ozona dia eo ambony lohan' ny ray aman-dreninareo, **2 Ne.** 4:6. Ampianaro ny ray aman-dreny fa tsy maintsy mibebaka sy atao batisa izy, **Môrô.** 8:10. Ny ray aman-dreny dia didina hampianatra ny filazantsara an' ireo zanany, **F&F** 68:25. Manana zo hahazo fanohanana avy amin' ny ray aman-dreniny ny ankizy rehetra, **F&F** 83:4. Ny fahotan' ny ray aman-dreny dia tsy azo valina eo ambonin' ny lohan' ny zanaka, **Mos.** 6:54.

RAY ANY AN-DANITRA. *Jereo koa*
Andriamanitra

Ny rain' ny fanahin' olombelona rehetra (Sal. 82:6; Mat. 5:48; Jao. 10:34; Rom. 8:16–17; Gal. 4:7; 1 Jn. 3:2). Jesoa Kristy no Zanaka Lahitokany tao amin' ny nofo. Nodidina ny olona hankatò sy hanaja ny Ray ary hivavaka aminy amin' ny anaran' i Jesoa.

Raha mamela ny fahadisoan' ny olona ianareo, dia hamela ny anareo kosa ny Rainareo any an-danitra, **Mat.** 6:14 (Mat. 18:35; 3 Ne. 13:14). Fantatry ny Rainareo any an-danitra fa mila ireny zavatra rehetra ireny ianareo, **Mat.** 6:26–33 (3 Ne. 13:26–33). Tsy mainka va ny Ray, izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an' izay mangalaka aminy? **Lio.** 11:11–13. Isaorana anie Andriamanitra Rain' i Jesoa Kristy Tompontosika, **Ef.** 1:3. Raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra ianareo, **Môsià** 2:34. Nankalaza ny anaran' ny Ray i Kristy, **Ete.** 12:8. Tokony ho vavolombelona hanambara ny fananjehana azy ireo ny Olomasina mialohan' ny hivoahan' ny Ray avy ao amin' ny toerany mifafina, **F&F** 123:1–3, 6. Tojo fitahiana lehibe sy be voninahitra avy amin' ny Raintsika any an-danitra izahay, **JS—T** 1:73.

RAY MANDRAKIZAY. *Jereo*
Andriamanitra; Ray any an-danitra

RAY, METY MATY. *Jereo koa*
Fianakaviana; Patriarika; Ray
Aman-dreny; Tsodranon' ny
Patriarika

Anarana masina manondro ny lehilahy izay efa niteraka na nanangan-jaza ara-dalàna.

Manajà ny rainao sy ny reninao, **Eks.** 20:12 (Deot. 5:16; Mat. 19:19; Môsià 13:20). Ny ray dia hanitsy ny zanaka tiany, **Ohab.** 3:12. Ry ray, aza mampisafoka ny zanakareo, **Ef.** 6:1–4. Somary nampianarina ahy avokoa ny fahalalan' ny raiko, **1 Ne.** 1:1. Ny raiko dia lehilahy marina—fa nampianatra ahy izy, **Enô.** 1:1. Nivavaka ho an' ny zanakalahiny i Almà, **Môsià** 27:14. Nomen' i Almà didy ny zanakalahiny, **Almà** 36–42. Nampitondrain' i Helamàna ny anaran' ireo razambeny ny zanakalahiny, **Hel.** 5:5–12. Nahatsiaro mandrakariva ny zanakalahiny tao amin' ny fivavany i Môrmôna, **Môrô.** 8:2–3. Azo takina amin-drainy ireo zava-dehibe, **F&F** 29:48. Voatery hamelona ny ankohonany ny lehilahy tsirairay, **F&F** 75:28. Nandidy ahy ho any amin-draiko izy, **JS—T** 1:49.

REBEKA. *Jereo koa* Isaka

Vadin' i Isaka, ilay patriarika ao amin' ny Testamenta Taloha (Gen. 24–27). Renin' i Esao sy i Jakoba i Rebeka (Gen. 25:23–26).

REGOELA. *Jereo* Jetro

REHAK' IZAO TONTOLO IZAO.

Jereo koa Fiavonavonana; Foana,
Zava-poana; Harena; Vola

Faniriana tsy marina sy ezaka hahazoana haren' ny tany sy fananana hita maso ka amelana ny zava-panahy.

Fa inona moa no soa ho azon' ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy? **Mat.** 16:26. Nametraka ny fony tamin' ny harena sy tamin' ny

zava-poanan' izao tontolo izao izy, **Almà** 4:8 (Almà 31:27). Hahafoy ny zavatr' izao tontolo izao ianao, **F&F** 25:10. Ny fon' ny olona dia mipetraka fatratra amin' ny zavatr' izao tontolo izao, **F&F** 121:35.

REHOBAMA. *Jereo koa* Solomona

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Solomona Mpanjaka. Nandimby an-drainy izy ary nanjaka nandritra ny fito ambin' ny folo taona tao Jerosalema (1 Mpan. 11:43; 14:21, 31). Nandritra ny nanjakan' i Rehoboama no nizaran' ny fanjakana ho ny fanjakan' i Isiraely any Avaratra sy ny fanjakan' i Joda any Atsimo (1 Mpan. 11:31–36; 12:19–20). Nanjaka tamin' ny fanjakana i Joda i Rehoboama.

RENIRANO JORDANA

Ny Renirano Jordana dia mikoriana avy any amin' ny ranomasin' i Galilia ka mivarina any amin' ny Ranomasina Maty. Enimpolo amby zato kilaometatra ny halavany ary izany dia miforona noho ny fitambaran' ireo loharano maro mikoriana avy any an-Tendrombohitry i Hermona. Izany no renirano lehibe indrindra any Isiraely.

Toe-javatra lehibe roa no misy ifandraisana amin' ity renirano ity dia ny nanasarahana' ny Tompo ny renirano hiampitan' ny Isiraely (Jos. 3:14–17) sy ny nanaovana batisa an' i Jesoa Kristy (Mat. 3:13–17; 3 Ne. 10:9).

RENY. *Jereo koa* Eva; Fianakaviana; Ray Aman-dreny

Anarana masina enti-manondro ny vehivavy izay miteraka na manangan-jaza. Mandray anjara amin' ny drafitr' Andriamanitra ny reny amin' ny fanomezana vatana mety maty ireo fanahy zanak' Andriamanitra.

Adama nanao ny anaran' ny vadiny hoe Eva, satria izy no renin' ny olombelona rehetra, **Gen.** 3:20 (Mos. 4:26). Manaja ny rainao sy ny reninao, **Eks.** 20:12 (Ef. 6:1–3; Môsià 13:20). Aza mahafoy ny lalan-dreninao, **Ohab.** 1:8.

Ny adala manao tsinontsinona andreniny, **Ohab.** 15:20 (Ohab. 10:1). Aza manamavo ny reninao rehefa antitra izy, **Ohab.** 23:22. Ny zanany mitsangana ka midera azy hoe sambatra, ny lahy koa mitsangana ka midera azy, **Ohab.** 31:28. Nijanona teo akaikin' ny hazo fijalian' i Jesoa ny reniny, **Jao.** 19:25–27. Nampianarin' ireo reniny ireo Lamanita roa arivo mpiady, **Almà** 56:47 (Almà 57:21). I Eva renintsika be voninahitra dia anisan' ireo olona lehibe sy mahery izay nampianarin' ny Tompo tao amin' ny tontolon' ny fanahy, **F&F** 138:38–39.

RIGDON, SIDNEY

Isan' ireo niova fo voalohany sady mpitondra tao amin' ny Fiangonana naverina amin' ny laoniny tamin' ny taona 1830 sy ny fanombohan' ny taona 1840. Niasa toy ny mpanolotsaina voalohany an' i Joseph Smith tao amin' ny Fiadidiana Voalohany ao amin' ny Fiangonana izy nandritra ny fotoana iray (**F&F** 35; 58:50, 57; 63:55–56; 76:11–12, 19–23; 90:6; 93:44; 100:9–11; 124:126). Nivadika izy tatỳ aoriana ary nesorina tsy ho mpikambana ny volana Septambra 1844.

ROAMBINIFOLOLAHY, **KÔLEJIN' NY.** *Jereo* Apostoly

ROBENA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahimatoan' i Jakoba sy i Lea (Gen. 29:32; 37:21–22, 29; 42:22, 37). Na dia voalohan-teraka aza i Robena, dia nanary ny fizokianany noho ny fahotana izy (Gen. 35:22; 49:3–4).

Ny fokon' i Robena: Hita ao amin' ny Genesisy 49:3 sy ny Deuteronomia 33:6 ny tsodranon' i Jakoba tamin' i Robena. Nihena miandalana ny isan' io foko io, ary na dia mbola misy aza izy, dia nihena ny lanjany ara-pôlitika. Nifindra tamin' i Josefa sy ny zanany ny fizokian' i Robena noho i Josefa lahimatoan' i Rahely izay vadin' i Jakoba faharoa (1 Tan. 5:1–2).

ROMA. *Jereo koa* Fanjakana Romana

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, ny renivohitry ny Fanjakana Romana miorina eo amin' ny Renirano Tibera, any Italia (Asa 18:2; 19:21; 23:11). Nampianatra ny filazantsara tany Roma i Paoly raha izy mpifatotry ny fitondrana Romana (Rom. 1:7, 15–16; Asa 28:14–31).

ROMANA, EPISTILY HO AN' NY.

Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, taratasy nosoratan' i Paoly ho an' ireo olomasina tao Roma. Nikasa ny hitsidika an' i Jerosalema izy, fitsidihana izay azo antoka fa notandindomin-doza. Naniry ny hitsidika an' i Roma izy taorian' izany, raha mbola velon' aina. Amin' ny lafiny iray, dia natao hanomanana ny Fiangonana tany mba handray azy amin' ny fiaviany ilay taratasy. Azo raisina ho mirakitra resaka momba ny fotopampianarana sasantsasany izay niadian-kevitra izay noheverin' i Paoly fa efa voalamina koa izany.

Toko 1: mirakitra ny fiarahaban' i Paoly ny Romana. Toko 2–11: ahitana fanambarana maromaro momba ny fotopampianaran' ny finoana sy ny asa ary ny fahasoaavana. Toko 12–16: mirakitra fampianarana enti-mampihatra ny fitiavana, ny adidy ary ny fahamasinana.

ROTA. *Jereo koa* Boaza

Ao amin' ny Testamenta Taloha, Moabita vinantovavin' i Naomy sy i Elimeleka izay samy Isiraelita. Nanambady an' i Boaza havan' i Naomy i Rota taorian' ny nahafatesan' ny vadiny. I Obeda zanakalahin' izy ireo no razamben' i Davida sy i Kristy. Mampiseho tsara ny fiovam-pon' ny tsy Isiraelita ho ao amin' ny valan' i Isiraely ny tantaran' i Rota. Namela ny andriamaniny taloha sy ny fiainany taloha i Rota mba hiray amin' ny mpianakavin' ny finoana amin' ny fanompoana ny Andriamanitr' i Isiraely (Rota 1:16).

Ny bokin' i Rota: Toko 1: milazalaza ny fiainan' i Elimeleka sy ny fianakaviany

tany Moaba. Taorian' ny fahafatesan' ireo vadiny dia nankany Betlehema i Naomy sy i Rota. Toko 2: milaza fa nitsimpona salohim-bary tany an-tsahan' i Boaza i Rota. Toko 3: mitantara ny nanoroan' i Naomy hevitra an' i Rota mba hankany am-pamoloana sy handry eo an-tongotr' i Boaza. Toko 4: tantaran' ny nivadian' i Rota sy i Boaza. Niteraka zazalahy atao hoe Obeda izy ireo, ka avy aminy ny firazanan' i Davida sy i Kristy.

SADOSEO. *Jereo koa* Jiosy

Antoko na saranga bitika iray teo anivon' ny Jiosy, kanefa natanjaka arapôlitika. Angamba ny tena nahafantarana azy dia ny finoany amin' ny fomba hentitra ny fanarahana ny tenin' ny lalàn' i Mosesy, ary koa ny fandavana ny fisian' ny fanahy sy ny anjely sy ny fotopampianaran' ny fitsangana amin' ny maty ary ny fiainana mandrakizay (Mar. 12:18–27; Asa 4:1–3; 23:7–8).

SADRAKA. *Jereo koa* Daniela

Ao amin' ny Testamenta Taloha, i Sadraaka sy i Mesaka ary i Abed-nego dia zatovo lahy Isiraelita telo izay nentina niaraka tamin' i Daniela nankao andapan' i Nebokadnezara mpanjakan' i Babylona. Hanania no anarana Hebreo nentin' i Sadraaka. Nandà ny handoto ny tenany amin' ny fihinanana ny hanina sy ny divain' ny mpanjaka ireo zatovolahy efatra ireo (Dan. 1). Natsipin' ny mpanjaka tao amin' ny lafaoro mirehitra afo i Sadraaka sy i Mesaka ary i Abed-nego saingy narovan' ny Zanak' Andriamanitra (Dan. 3).

SAFIDY. *Jereo koa* Afaka;

Ampamoahina, Ampamoaka

Ny fahafaha-manao sy ny tombontsoa omen' Andriamanitra ny olona mba hifidy sy hanao araka ny tenany.

Ny hazo rehetra dia azonao ihinanana malalaka, **Gen.** 2:16. Tsy afaka hanao ho an' ny tenany ny olona raha tsy taomina, **2 Ne.** 2:15–16. Afaka ny olona

na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay na ny fahababoana sy ny fahafatesana, **2 Ne.** 2:27. Afaka ianareo, avela ianareo hanao ho an' ny tenanareo, **Hel.** 14:30. Nampikomy ny ampa-hatelon' ny miaramilan' ny lanitra izy noho ny safidin' izy ireo, **F&F** 29:36. Tsy maintsy ilaina ny hakan' ny devoly fanahy ny olona fa raha tsy izany dia tsy afaka hisafidy ho an' ny tenany ny olona, **F&F** 29:39. Aoka ny olona tsirairay samy hisafidy ho an' ny tenany, **F&F** 37:4. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mihetsika araka ny safidim-pitondran-tena izay efa nomeko azy, **F&F** 101:78. Nokatsahin' i Satana ny handrava ny safidin' ny olona, **Mos.** 4:3. Nomen' ny Tompo ny olona ny safidiny, **Mos.** 7:32.

SAFIDY MALALAKA. *Jereo Safidy*

SAFO-DRANO TAMIN' NY

ANDRON' I NOA. *Jereo koa*

Avana; Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly; Sambofiara

Rakotry ny rano tanteraka ny tany tamin' ny andron' i Noa. Izany no batisan' ny tany ary tandindon' ny fanadiovana (1 Pet. 3:20–21).

Hahatonga safo-drano ambonin' ny tany Andriamanitra mba handringana ny nofo rehetra, **Gen.** 6:17 (Mos. 7:34, 43, 50–52; 8:17, 30). Tonga tambonin' ny tany ny safo-drano, **Gen.** 7:10. Napetrak' Andriamanitra teny amin' ny rahona ny avana ho famantarana ny fanekena, **Gen.** 9:9–17. Nony efa nisintona ny rano, dia tonga tany nofinidy ny tanin' i Amerika, **Ete.** 13:2. Ho faty ao amin' ny safo-drano ny olon-dratsy, **Mos.** 7:38; 8:24.

SAHA. *Jereo koa* Izao Tontolo Izao; Tanimbolin' ny Tompo

Ao amin' ny soratra masina toerana midadasika, natao hambolena sy ho kijana. Sarin' izao tontolo izao sy ny mponina eo aminy izany matetika.

Ny saha dia izao tontolo izao, **Mat.** 13:38. Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny raki-tsoa nafenina tany an-tsaha,

Mat. 13:44. Nahatazana saha iray malalaka sy midadasika aho, **1 Ne.** 8:9, 20. Masaka ny teo an-tsaha, **Almà** 26:5. Efa masaka sahady ny eny an-tsaha mba hojinjaina, **F&F** 4:4 (F&F 6:3; 11:3; 12:3; 14:3; 31:4; 33:3, 7). Izao tontolo izao no saha, **F&F** 86:1–2. Ireo fanjakana dia hohariko amin' ny lehilahy iray manana saha, **F&F** 88:51.

SAHA EDENA. *Jereo Edena*

SAHA GETSEMANE. *Jereo Getsemane*

SAINA

Herin' ny fahatakarana; fahafahana mieritreritra.

Manompoa Azy amin' ny fo rehetra sy ny saina mazoto, **1 Tan.** 28:9. Tiava an' ny Tompo Andriamanitrao amin' ny sainao rehetra, **Mat.** 22:37. Ny fiheverana ny zavatra ny nofo dia fahafatesana, ary ny fiheverana ny zava-panahy dia fiainana mandrakizay, **2 Ne.** 9:39. Tonga tao an-tsaiko ny feon' ny Tompo, **Enô.** 1:10. Nanana fiantraikany mahery ko-koa tamin' ny sain' ny olona ny teny noho ny sabatra, **Almà** 31:5. Hiteny anao ao an-tsainao Aho, **F&F** 8:2. Diniho ao an-tsainao izany, **F&F** 9:8. Aoka ny fahamasinan' ny zavatra ny mandrakizay hitoetra ao an-tsainareo, **F&F** 43:34. Ny sainareo dia nohamaizina taloha, **F&F** 84:54. Vonjeo aloha ny fandrianareo, mifohaza aloha mba hahatonga ny vatanareo sy ny sainareo ho mavitrika, **F&F** 88:124. Tsy fantatr' i Satana ny sain' Andriamanitra, **Mos.** 4:6. Ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe i Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina, **Mos.** 7:18.

SALAMO. *Jereo koa* Davida; Mozika

Hira na tononkalo entanim-panahy.

Ny bokin' ny Salamo: Boky ao amin' ny Testamenta Taloha mirakitra amboaran-tsalamo izay momba an' i Kristy ny ankamaroany; voatonona matetika ao amin' ny Testamenta Vaovao ny bokin' ny Salamo.

I Davida no nanoratra ny ankamaroan' ny Salamo. Nosoratana ho fiderana an' Andriamanitra ny Salamo. Maro taminy no natao ho mozika.

SALEMA. *Jereo koa* Jerosalema; Melkizedeka

Tanàna ao amin' ny Testamenta Taloha izay nanjakan' i Melkizedeka. Mety ho eo amin' ny toerana misy an' i Jerosalema ankehitriny no toerana nisy azy. Ny anarana "Salema" dia mitovy amin' ny teny hebreo izay midika hoe "fiadanana."

I Melkizedeka, mpanjakan' i Salema dia nitondra mofo sy divay, **Gen.** 14:18. I Melkizedeka, mpanjakan' i Salema dia mpisoron' Andriamanitra Avo indrindra, **Heb.** 7:1–2. I Melkizedeka dia mpanjaka teo amin' ny tanin' i Salema, **Almà** 13:17–18.

SAMARIA. *Jereo koa* Samaritana

Ao amin' ny Testamenta Taloha, renivohitry ny fanjakan' i Isiraely Avaratra (1 Mpan. 16:23–24). Noho ny toerany matanjaka ara-tafika teo amin' ny havoana, dia tsy afa-namabo izany ny Asyriana raha tsy taorian' ny fahirano telo taona (2 Mpan. 17:5–6). Naverin' i Heroda natsangana izany ary nantsoina hoe Sebasta. Tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao, i Samaria dia anaran' ny faritra afovoan' ny Palestina manontolo, andrefan' i Jordana.

SAMARITANA. *Jereo koa* Samaria

Vahoaka ao amin' ny Baiboly nonina tao Samaria taorian' ny nambabooan' ny Asyriana ny fanjakan' i Isiraely Avaratra. Manana ila Isiraélita sy ila Jentilisa ny Samaritana. Ny fivavahany dia fifangaroana finoana sy fanao Jiosy sy Jentilisa. Asehon' ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy ao amin' ny Lio. 10:25–37 ny fankahalana nananan' ny Jiosy tamin' ny Samaritana, noho ny Samaritana efa niala tamin' ny finoana Isiraélita. Naniraka ny Apostoly hitory filazantsara amin' ny Samaritana ny Tompo (Asa 1:6–8).

Nitory ny filazantsaran' i Kristy tamimpahombiazana tamin' ny mponin' i Samaria i Filipo ary nanao fahagagana maro teo anivony (Asa 8:5–39).

SAMBATRA. *Jereo* Fitahiana

SAMBOFIARA. *Jereo koa* Avana; Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly; Safo-drano tamin' ny Andron' i Noa

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny sambo namboarin' i Noa hitsimbinana ny zava-mananaina nandritra ny safo-drano lehibe.

Koa, manaova sambo fiara ho anao amin' ny hazo gofera, **Gen.** 6:14. Nipe-traka teo amin' ny tendrombohitra any Ararata ny sambo fiara, **Gen** 8:4. Ireo sambon' ny Jarèdita dia tsy tintera-drano tahaka ny sambofianan' i Noa, **Ete.** 6:7.

SAMOELA ILAY LAMANITA

Mpaminany Lamanita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, izay nirahin' ny Tompo mba hampianatra sy hampitandrina ny Nefita mialoha kely ny nahaterahan' ny Mpamonjy. I Samoela dia naminany ireo famantarana mikasika ny fahaterahana sy ny fahafatesan' i Jesoa Kristy, ary koa ny faharavan' ny Nefita (Hel. 13–16).

SAMOELA, MPAMINANIN' NY TESTAMENTA TALOHA

Zanakalahin' i Elkana sy i Hana i Samoela, ary teraka ho valin' ny vavaky ny reniny (1 Sam. 1). Napetraka teo ambany fiahian' i Ely mpisorona avo izy fony zaza, tao amin' ny tabernakely tany Silao (1 Sam. 2:11; 3:1). Nantsoin' ny Tompo ho mpaminany i Samoela raha mbola zaza (1 Sam. 3). Taorian' ny nahafatesan' i Ely, dia lasa mpaminany lehibe sy mpitsara an' i Isiraely i Samoela ka namerina indray ny lalàna sy ny filaminana ary ny fivavahana teo amin' ny tany (1 Sam. 4:15–18; 7:3–17).

1 Samoela 28:5–20: mirakitra fitantarana ny namerenan' ilay ombiasin' i

En-dora an' i Samoela avy amin' ny maty, noho ny fangatahan' i Saoly Mpanjaka. Tsy ho fahitana avy amin' Andriamanitra izany, satria ny ombiasy na ny mpamoha angatra hafa dia tsy afaka hanery mpaminany iray hiseho noho ny fangatahany (1 Sam. 28:20; 31:1-4).

Ny bokin' ny 1 Samoela sy 2 Samoela: boky iray ihany ny bokin' ny 1 Samoela sy 2 Samoela ao amin' ny Baiboly sasany. Boky roa kosa izany ao amin' ny hafa. Mandrakotra vanim-potoana sahabo ho 130 taona ireo boky ireo, nanomboka tamin' ny fahaterahan' i Samoela ka hatramin' ny taloha kelin' ny nahafatesan' i Davida mpanjaka.

Ny bokin' ny 1 Samoela: Toko 1-4: milaza fa nanozona sy nanasazy ny fianakavian' i Ely ny Tompo ary niantso an' i Samoela ho mpisorona avo sy mpitsara. Toko 4-6: mitantara ny nianjeran' ny fiaran' ny fanekena teo am-pelatanan' ny Filistina. Toko 7-8: mirakitra ny fampitandremana nataon' i Samoela momba ny fananana andriamani-kafa sy mpanjaka ratsy fanahy. Toko 9-15: milaza ny fanosorana an' i Saoly sy ny nanjakany amin' ny maha-mpanjaka. Toko 16-31: milaza ny tantaran' i Davida sy ny nahazoany ny fahefana—nohosoran' i Samoela i Davida izay namono an' i Goliata. Nankahala an' i Davida i Saoly, saingy nandà ny hamono an' i Saoly i Davida na dia afaka nanao izany aza.

Ny bokin' ny 2 Samoela: Raketin' ny boky ny antsipiriany amin' ny nanjakan' i Davida tamin' ny naha-mpanjaka azy tamin' ny Joda, ary farany tamin' ny Isiraely rehetra. Toko 1-4: mampiseho ny ady lava reny nifanaovan' ny mpanaraka an' i Davida taorian' ny nampanjakan' ny Joda azy, sy ny mpanaraka an' i Saoly. Toko 5-10: mampiseho ny fitomboan' ny fahefan' i Davida tamin' ny toerana maro. Toko 11-21: mampiseho ny fihenana ny hery arapanahin' i Davida noho ny fahotany sy ny fiokoana teo anivon' ny fianakaviany. Toko 22-24: mitantara ny fieza-

han' i Davida hihavana indray amin' ny Tompo.

SAMSONA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, faharoa ambin' ny folo tamin' ireo “mpitsara” an' i Isiraely. Fantatra tamin' ny fananany tanjaka ara-batana lehibe izy, saingy tsy hendry tao amin' ny safidy ara-pitondrantena sy ny asany sasany (Mpits. 13:24-16:31).

SAMY. *Jereo koa* Lehia, Rain' i Nefia

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanakalahy fahatelon' i Lehia (1 Ne. 2:5). Lehilahy marina sy masina izay nisafidy hanaraka ny Tompo izy (1 Ne. 2:17; 2 Ne. 5:5-6; Almà 3:6).

SAOLY AVY ANY TAROSY. *Jereo* Paoly

SAOLY, MPANJAKAN' I ISIRAELY

Ao amin' ny Testamenta Taloha, mpanjaka voalohany teo amin' i Isiraely talohan' ny nizarany. Na dia olo-marina aza izy tany am-piandohan' ny fanjakany, dia lasa feno avonavona sy tsy nankatò an' Andriamanitra izy tamin' ny farany (1 Sam. 9-31).

SAOTRA. *Jereo* Misaotra

SARAH. *Jereo koa* Abrahama

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny vady voalohan' i Abrahama. Niteraka an' i Isaka izy tamin' ny fahanterany (Gen. 18:9-15; 21:2).

SARIÀ. *Jereo koa* Lehia, Rain' i Nefia

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, vadin' i Lehia (1 Ne. 5:1-8; 8:14-16; 18:19) sady renin' i Lamàna, i Lemoela, i Samy, i Nefia, i Jakôba, i Jôsefa, ary zazavavy maro (1 Ne. 2:5; 2 Ne. 5:6).

SARO-PIARO. *Jereo koa* Mialona

Araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina, ny teny hoe *saro-piara* dia manana heviny roa: (1) Olona mafana fo ka sarotiny sady latsa-paka ny fitiavany olona na zavatra ary (2)

ny mialona olona na ny miahiahy ny mety hahazoan' ny hafa tombony amin' ny tena.

Mafana fo: Izaho Tompo Andriamanitra dia saropiaro, **Eks.** 20:5 (Deot. 5:9; 6:15; Môsià 11:22). Ho saropiaro noho ny amin' ny Anarako masina Aho, **Ezek.** 39:25. Saropiaro an' i Jerosalema sy i Ziona Aho, **Zak.** 1:14.

Mialona na miahiahy: Ny hasarotampiaro dia mampirehitra ny fahatezeran-dehilahy, **Ohab.** 6:32–35. Nanomboka nialona ny zanakalahiny i Akisa, **Ete.** 9:7. Esory hiala amin' ny tenanareo ny fialonana sy ny tahotra, **F&F** 67:10.

SARON-TRATRA. *Jereo koa* Orima sy Tomima

Roa karazana ny saron-tratra lazain' ny soratra masina: (1) salotra fiarovantatran' ny miaramila na akanjo vy. Sary an' ohatra ihany no ilazana fa ny Olomasina dia tokony hiakanjo ny saron-tratran' ny fahamarinana hiarovany ny tenany amin' ny ratsy (Isa. 59:17; Ef. 6:14). (2) Akanjo fanaovan' ny mpisorona avo tamin' ny lalàn' i Mosesy (**Eks.** 28:13–30; 39:8–21). Vita tamin' ny rongony fotsy madinika izany ary mitondra vatsoa roa ambin' ny folo. Misy ifandraisany amin' ny Orima sy ny Tomima izany indraindray (**F&F** 17:1; JS—T 1:35, 42, 52).

SATANA. *Jereo* Devoly

SATROBONINAHITRA. *Jereo koa* Fiainana Mandrakizay

Ravaka boribory entin' ny mpitondra eo amin' ny loha. Mety ho tandindon' ny hery selestialy, ny fanapahana ary ny maha-Andriamanitra izany. Ireo izay maharitra amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra rehetra hatramin' ny farany no hahazo ny satroboninahitry ny fiainana mandrakizay (**Jereo** **F&F** 20:14; **Mos.** 7:56; JS—M 1:1).

Efa tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, **2 Tim.** 4:8. Hahazo satroboninahitra tsy mety simba ianareo, **1 Pet.** 5:4. Ny maty izay maty

ao amin' ny Tompo dia hahazo ny satroboninahitry ny fahamarinana, **F&F** 29:13. Horaisiny ao amin' ny fitoeran-draiko ny satroboninahitra, **F&F** 59:2. Ny Tompo dia manomana ny Olomasina hahazo ny satroboninahitra voaomana ho azy, **F&F** 78:15. Efa nampantenain' ny Tompo ny Olomasiny ny satroboninahitra eo an-tanana ankavanany, **F&F** 104:7.

SEKOLIN' IREO MPAMINANY.

Jereo koa Smith, Joseph, zanany

Tao Kirtland, Ohio (Amerika), nandritra ny ririn'iny ny taona 1832–1833, dia nandidy an' i Joseph Smith ny Tompo hanorina sekoly izay hanofanana ireo rahalahy ny amin' ny zavatra rehetra mikasika ny filazantsara sy ny fanjakan' Andriamanitra. Avy ao amin' io sekoly io no niavian' ny maro tamin' ireo mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana. Nisy sekolin' ireo mpaminany na an' ireo loholona iray hafa tao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri, izay notarihin' i Parley P. Pratt (**F&F** 97:1–6). Nisy koa sekoly hafa mitovy amin' izany, izay naorina fotoana fohy taorian' ny nifindran' ny Olomasina nankany andrefana, saingy tsy ela dia natsahatra izany. Ankehitriny, ny fampianarana ny filazantsara dia atao ao an-trano, ao amin' ny kôlejin' ny fisoronana, ao amin' ireo vondrona mpikambana samihafa, ary ao amin' ireo sekolin' ny fiangonana sy ny kilasin' ny seminera sy institut.

Manamasina ny tenanareo ary mifampianara ny fotopampianaran' ny fanjakana, **F&F** 88:74–80. Mikatsaha fatratra sy mifampianara, **F&F** 88:118–122. Napetraka ny lamin' ny sekolin' ny mpaminany, **F&F** 88:127–141. Miha-zona ny fanalahidin' ny sekolin' ny mpaminany ny Fiadidiana Voalohany, **F&F** 90:6–7.

SEMA. *Jereo koa* Noa, Patriarika ao amin' ny Baiboly

Ao amin' ny Testamenta Taloha, lehilahy marina zanak' i Noa, ary araka ny

lovantsofina dia razamben' ireo Semi-ta izay ahitana ny Arabo, ny Hebreo, ny Babyloniana, ny Syriaana, ny Foinisiana, ary ny Asyriana (Gen. 5:29–32; 6:10; 7:13; 9:26; 10:21–32; Mos. 8:12). Antsoina hoe “ilay mpisorona avo lehibe” i Sema ao amin' ny fanambaran' ny andro farany (F&F 138:41).

SEREMA. *Jereo koa* Antikristy

Lehilahy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay nandà an' i Kristy sy nitaky famantarana (Jkb. 7:1–20).

SETA. *Jereo koa* Adama

Ao amin' ny Testamenta Taloha, lehilahy marina zanak' i Adama sy i Eva.

Lehilahy fanaperana i Seta, ary ny endriny dia ny endriky ny rainy tantetraka, **F&F** 107:42–43 (Gen. 5:3). Anankiray amin' ireo mahery tao amin' ny tontolon' ny fanahy i Seta, **F&F** 138:40. Naneho ny tenany tamin' i Seta Andriamanitra, **Mos.** 6:1–3, 8–14.

SIBLÔNA. *Jereo koa* Almà, Zanakalahin' i Almà

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, zanakalahin' i Almà zanany. Nampianatra ny Zôramita ny filazantsara i Siblôna, ary nenjehina izy noho ny fahamarinany. Nanafaka azy tamin' ny fanenjehana ny Tompo noho ny fahatokiany sy ny faharetany (Almà 38). Nisy fotoana iha-ny koa nitandremam' i Siblôna ireo rakisoratra Nefita (Almà 63:1–2, 11–13).

SIGARA SY PARAKY. *Jereo* Tenin' ny Fahendrena

SIMEONA. *Jereo koa* Isiraely; Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny zanakalahy faharoan' i Jakoba sy i Lea vadiny (Gen. 29:33; 35:23; Eks. 1:2). Niaraka tamin' i Levy izy tamin' ny famonoana ny Sekemita (Gen. 34:25–31). Hita ao amin' ny Genesisy 49:5–7 ny faminanian' i Jakoba momba an' i Simeona.

Ny fokon' i Simeona: ny taranak' i

Simeona matetika dia niara-nipetraka tamin' ny taranak' i Joda tao amin' ny faritry ny fanjakan' i Joda (Jos. 19:1–9; 1 Tan. 4:24–33). Niaraka tamin' i Joda ny fokon' i Simeona tamin' ny ady nifanaovana tamin' ny Kananita (Mpits. 1:3, 17). Niaraka tamin' ny tafik' i Davida koa izy ireo tatỳ aoriana (1 Tan. 12:25).

SIMONA KANANEANA

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, iray amin' ireo Apostolin' i Jesoa Kristy roa ambin' ny fololahy voalohany (Mat. 10:2–4).

SIMONA PETERA. *Jereo* Petera

SINAY, TENDROMBOHITRA.

Jereo koa Lalàn' i Mosesy; Mosesy

Tendrombohitra ao amin' ny saikinosin' i Sinay izay teo akaikiny no nilasian' i Mosesy sy ny Isiraelita nandritra ny telo volana taorian' ny nivoahany an' i Egipta. Antsoina koa hoe Tendrombohitra Horeba izany (Eks. 3:1). Teo no nanomezan' Andriamanitra ny lalàn an' i Mosesy sy ny mpianakavin' i Isiraely; teo koa no nanorenana ny tabernakely (Eks. 19:2; 20:18; 24:12; 32:15).

SIRA

Nampiasaina indrindra hitehirizana sakafo tamin' ny andro fahiny; nohevarena ho zavatra tena nilaina teo amin' ny fiainana.

Tonga vongan-tsira mitsangana ny vadin' i Lota, **Gen.** 19:26. Hianareo no fanasin' ny tany, **Mat.** 5:13 (Lio. 14:34; 3 Ne. 12:13). Isaina ho fanasin' ny tany ny olon' ny fanekehempihavanan' ny Tompo, **F&F** 101:39–40. Ary raha toa ka tsy mpamonjy ny olona ny Olomasina, dia tahaka ny sira izay tonga matsatso, **F&F** 103:9–10.

SIZA. *Jereo koa* Jarèdita

Mpitari-tafika Jarèdita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Maty tamin' ny faran' ny ady lehibe izay namongotra ny firenena Jarèdita manontolo izy (Ete. 14:17–15:31).

SMITH, EMMA HALE. *Jereo koa*

Smith, Joseph, zanany

Vadin' ny Mpaminany Joseph Smith. Nandidy an' i Emma ny Tompo hifantina hiram-piderana ho an' ny Fiangonana. Nanompo tamin' ny maha-filoha voalohany tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana koa Izy.

Nomena ny fanambarana mikasika ny sitrapon' ny Tompo ny amin' i Emma Smith, **F&F** 25. Nanome toromarika an' i Emma Smith mikasika ny fanambadiana ny Tompo, **F&F** 132:51–56.

SMITH, HYRUM. *Jereo koa* Smith, Joseph, zanany

Zoky iraitampo sady mpiara-miasa mahatoky tamin' i Joseph Smith. Teraka tamin' ny 9 Febroary 1800 i Hyrum. Nanompo tamin' ny maha-mpanampy an' i Joseph tao amin' ny fiadidiana ny Fiangonana izy sady Patriarika faharoa tao amin' ny Fiangonana. Niaraka maty maritiora tamin' i Joseph tao amin' ny fonjan' i Carthage izy ny 27 Jiona 1844.

Nanome toromarika an' i Hyrum tamin' ny alalan' i Joseph rahalahiny ny Tompo, **F&F** 11; 23:3. Hotahina i Hyrum Smith mpanompoko noho ny fahitsian' ny fony, **F&F** 124:15. Nodidina handray ny anjara fanompoan' ny patriariky ny Fiangonana i Hyrum, **F&F** 124:91–96, 124. Maty maritiora tao amin' ny fonjan' i Carthage i Joseph sy i Hyrum, **F&F** 135. I Hyrum Smith sy ireo fanahy nofinidy hafa dia notanana ho fiandry mba hivoaka amin' ny fotoam-pahafenoana, **F&F** 138:53.

SMITH, JOSEPH F.

Filoha fahenin' ny Fiangonana; lahitan' i Hyrum sy Mary Fielding Smith. Teraka tamin' ny 13 Nôvambra 1838 izy ary maty tamin' ny 19 Nôvambra 1918.

Nahazo fahitana momba ny fanavotana ny maty i Joseph F. Smith, **F&F** 138.

SMITH, JOSEPH, RAINY. *Jereo koa*

Smith, Joseph, zanany; Smith, Lucy Mack

Rain' ny Mpaminany Joseph Smith. Teraka ny 12 Jolay 1771 izy. Nanambady an' i Lucy Mack izy ary niteraka zaza sivy izy ireo (JS—T 1:4). Lasa mpino mahatoky ny famerenana amin' ny laoniny amin' ny andro farany sy patriarika voalohany tao amin' ny Fiangonana i Joseph. Maty ny 14 Septambra 1840 izy.

Nanome toromarika azy tamin' ny alalan' i Joseph zanany Andriamanitra, **F&F** 4; 23:5. Aoka ny lahiantitra mpanompoko hanohy hiaraka amin' ny fianakaviany, **F&F** 90:20. Ny zokiolona Joseph Smith rainy mpanompoko dia miara-mipetraka amin' i Abrahama eo an-tanany ankavanany, **F&F** 124:19. Nahita ny rainy tao amin' ny fahitana mikasika ny fanjakana selesialy i Joseph Smith zanany, **F&F** 137:5. Nandidy an' i Joseph Smith zanany ny anjely hilaza amin' ny rainy ny fahitana azony, **JS—T** 1:49–50.

SMITH, JOSEPH, ZANANY. *Jereo*

koa Bokin' i Môrmôna; Dikantenin' i Joseph Smith (DJS);

Fahitana Voalohany; Famerenana amin' ny laoniny ny Filazantsara; Fotopampianarana sy Fanekepihavanana; Voahangy Lafo Vidy

Mpaminany voafidy hamerina indray ny Fiangonana marin' i Jesoa Kristy eto an-tany. Teraka tao amin' ny faritanin' i Vermont tany Amerika i Joseph Smith, ary niaina tamin' ny taona 1805 ka hatramin' ny taona 1844.

Tamin' ny taona 1820, dia niseho tamin' i Joseph Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy, ary fantany fa tsy misy marina ireo fiangonana eto an-tany (JS—T 1:1–20). Novangian' ny anjely Môrônia izy tatỳ aoriana, ary natorony ny toerana nanafenana ireo takelaka volamena izay nirakitra ny rakitsoratr' ireo mponina fahiny teo amin' ny kaontinanta Amerikana (JS—T 1:29–54).

Nandika ireo takelaka volamena i Joseph ary namoaka izany ho ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny taona 1830 (JS—T 1:66–67, 75). Tamin' ny taona 1829, dia nandray ny fahefan' ny fisoronana tamin' i Jaona Mpanao Batisa sy tamin' i

Petera sy i Jakoba ary i Jaona izy (F&F 13; 27:12; 128:20; JS—T 1:68–70).

Araka izay nandidian' Andriamantitra, ny 6 Aprily 1830, dia naorin' i Joseph sy ireo maromaro hafa ny Fiangonan' i Jesoa Kristy tafaverina amin' ny laoniny (F&F 20:1–4). Teo ambany fitarihan' i Joseph dia nitatra tany Kanada, Angletera, ary ny ilany atsianan' i Amerika, indrindra tany Ohio, Missouri, ary Illinois ny Fiangonana. Fanenjehana mivaivay no nanaraka an' i Joseph sy ny olomasina na taiza na taiza nonenany. Maty maritiora tao Carthage, Illinois, tany Amerika i Joseph sy i Hyrum rahalahiny ny 27 Jiona 1844.

Naminany ny amin' i Joseph Smith i Jôsefa zanakalahin' i Jakôba, **2 Ne.** 3:6–15. Niantso an' i Joseph Smith ny Tompo noho ny fahalalany ny atambo ho avy, **F&F** 1:17 (F&F 19:13). Natokana ho Apostolin' i Jesoa Kristy sy ho lohona voalohany amin' ity Fiangonana ity i Joseph Smith, **F&F** 20:2. Natokan' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona ho Apostoly i Joseph, **F&F** 27:12. Nijoro ho vavolombelona i Joseph sy i Sidney Rigdon fa nahita ny Zanaka Lahitokan' ny Ray, **F&F** 76:23. Nahita ny Tompo tao amin' ny fahitana i Joseph Smith niaraka tamin' i Oliver Cowdery, **F&F** 110:1–4. Nantsoin' ny Tompo i Joseph ho loholona mpiahy, ho mpandika teny, mpanambara, mpahita ary mpaminany, **F&F** 124:125. Joseph Smith dia efa nahavita mihoatra noho ny olona rehetra, afa-tsy i Jesoa irery ihany, ho famonjena ny olona, **F&F** 135:3.

Soratra Masina navoakan' ny mpaminany Joseph Smith: Nandika ny ampahany tamin' ny takelaka volamena izay nomen' i Môrônia azy i Joseph, fandikana izay navoaka tamin' ny taona 1830 ho ny Bokin' i Môrmôna. Nahazo fanambarana maro tamin' ny Tompo koa izy, izay mamariparitra ny fotopampianarana sy ny fandaminana fototra ao amin' ny Fiangonana. Maro amin' ireo fanambarana ireo no natambatra ao amin' izay antsoina ankehitriny

hoe Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana. Tompon' andraikitra koa izy tamin' ny famoahana ny Voahangy Lafo Vidy izay mirakitra fandikana sasany nentanim-panahy avy amin' ny asa soratr' i Mosesy sy i Abrahama ary i Matio, ny fantina avy amin' ny tantarany manokana sy ny tenivavolombelony, ary ny fanambarana telo ambin' ny folo mikasika ny fotopampianarana sy ny finoana tanan' ny Fiangonana.

SMITH, LUCY MACK. *Jereo koa*

Smith, Joseph, rainy; Smith, Joseph, zanany

Renin' ny mpaminany Joseph Smith sady vadin' i Joseph Smith rainy (JS—T 1:4, 7, 20). Teraka tamin' ny 8 Jolay 1776 izy ary maty tamin' ny 5 May 1856.

Nahita ny reniny tao amin' ny fahitana mikasika ny fanjakana selestialy i Joseph, **F&F** 137:5.

SMITH, SAMUEL H. *Jereo koa*

Smith, Joseph, zanany

Zandry lahin' ny mpaminany Joseph Smith (JS—T 1:4). Teraka tamin' ny taona 1808 izy ary maty tamin' ny taona 1844. Iray tamin' ireo vavolombelona valon' ny Bokin' i Môrmôna izy ary nanompo amin' ny maha-iray amin' ireo misiônera voalohany tao amin' ny Fiangonana naverina amin' ny laoniny (F&F 23:4; 52:30; 61:33–35; 66:7–8; 75:13).

SODOMA. *Jereo koa* Gomora

Ao amin' ny Testamenta Taloha, tanàna feno faharatsiana izay noravan' ny Tompo (Gen. 19:12–29).

SODOMITA. *Jereo koa*

Fanitsakitsaham-bady; Manarana ny filan' ny nofo

Fifampilan' ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy. Mandrara ny firaisana ara-nofo toy izany Andriamanitra.

Avoahy ho atỳ aminay izy ireo hahalalanay azy, **Gen.** 19:1–11 (Mos. 5:51–53). Tsy handry amin' ny lehilahy ianao; fahavetavetana izany, **Lev.** 18:22

(Lev. 20:13). Tsy hisy Sodomita amin' ireo zanakalahin' i Isiraely, **Deot.** 23:17. Manambara ny fahotany tahaka an' i Sodoma izy fa tsy manafina izany, **Isa.** 3:9 (2 Ne. 13:9). Ny lehilahy dia maimay tamin' ny fifampilan' izy samy lehilahy **Rom.** 1:27. Ny mpierina amin' ny lehilahy dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.** 6:9–10. Tsy ny olona marina no nanaovana ny lalàna fa ireo izay mandoto ny tenany amin' ny lehilahy, **1 Tim.** 1:9–10. Ireo izay mandeha manaraka nofo hafahafa dia aseho ho fananarana amin' ny iaretany fijaliana amin' ny afo mandrakizay, **Joda** 1:7.

SOFINA. *Jereo koa* Mihaino

Mazàna ny sofina dia ampiasaina ao amin' ny Soratra Masina ho toy ny sarin' ny fahaizan' ny olona mandre sy mahatakatra ny zavatr' Andriamanitra.

Manan-tsofina izy fa tsy mandre, **Sal.** 115:6. Nanokatra ny sofiko ny Tompo mba handre, **Isa.** 50:4–5 (2 Ne. 7:4–5). Izay manan-tsofina hoenti-mihaino aoka izy hihaino, **Mat.** 11:15. Efa don-to noho ny fihainoana ny sofiny, **Mat.** 13:15 (Mos. 6:27). Tsy mbola hitan' ny maso na ren' ny sofina ny zavatra izay efa nomanin' Andriamanitra ho an' ireo izay tia Azy, **1 Kor.** 2:9 (F&F 76:10). Mibitsika ao an-tsofiny ny devoly, **2 Ne.** 28:22. Sokafy ny sofinareo mba hahazoanareo mandre, **Môsià** 2:9 (3 Ne. 11:5). Efa nantsoina imbetsaka aho sain-gy tsy te hihaino, **Almà** 10:6. Mampandria sofina amin' ny teniko, **Almà** 36:1 (Almà 38:1; F&F 58:1). Tsy misy sofina izay tsy handre, **F&F** 1:2. Sokafana amin' ny alalan' ny fanetren-tena sy ny vavaka ny sofina, **F&F** 136:32.

SOLOMONA. *Jereo koa* Batseba; Davida

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Davida sy i Batseba (2 Sam. 12:24). Mpanjakan' i Isiraely i Solomona nandritra ny fotoana iray.

Nanendry an' i Solomona ho mpanjaka i Davida, **1 Mpan.** 1:11–53. Nananatra an' i Solomona i Davida handeha amin' ny

lalan' ny Tompo, **1 Mpan.** 2:1–9. Nampanantena azy fo hendry ny Tompo, **1 Mpan.** 3:5–15. Nitsara reny roa ary namantatra ny tena renin' ilay zaza, **1 Mpan.** 3:16–28. Nanao ohabolana sy hira, **1 Mpan.** 4:32. Nanangana ny tempoly, **1 Mpan.** 6; 7:13–51. Nanokana ny tempoly, **1 Mpan.** 8. Novangian' ny mpanjakavavin' i Sheba, **1 Mpan.** 10:1–13. Nanambady ivelan' i Isiraely i Solomona, ary namily ny fony hanompo andriamani-kafa ireo vadiny, **1 Mpan.** 11:1–8. Tezitra tamin' i Solomona ny Tompo, **1 Mpan.** 11:9–13. Nodimandry, **1 Mpan.** 11:43. Naminany ny amin' ny voninahitry ny fanjakan' i Solomona i Davida, **Sal.** 72. nandray vady maro sy vaditsindrano i Solomona, saingy ny sasany dia tsy noraisiny tamin' ny Tompo, **F&F** 132:38 (Jkb. 2:24).

SORATRA MASINA. *Jereo koa*

Baiboly; Bokin' i Môrmôna;
Fotopampianarana sy
Fanekempihavanana; Soratra
Masina Ankatoavin' ny
Fiangonana; Tenin'
Andriamanitra; Vanim-potoana;
Voahangy Lafo Vidy

Teny soratana na aloaky ny vavan' ireo lehilahy masin' Andriamanitra rehefa eo ambany fitaoman' ny Fanahy Masina izy ireo. Ankehitriny ireo Soratra Masina ankatoavin' ny Fiangonana dia ny Baiboly, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy. Nandray ny Testamenta Taloha ho Soratra Masina i Jesoa Kristy sy ireo mpanoratra ny Testamenta Vao-vao (Mat. 22:29; Jao. 5:39; 2 Tim. 3:15; 2 Pet. 1:20–21).

Tsy nangoraka va ny fontsika, raha namoaka ny hevitra ny Soratra Masina tamintsika Izy, **Lio.** 24:32. Dinihinareo ny Soratra Masina fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy, **Jao.** 5:39. Hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy, **2 Ne.** 32:3. Izay rehetra voatarika hino ny soratra masina, dia miorina sy

mifototra ao amin' ny finoana izy, **Hel.** 15:7–8. Solafaka ny olona, satria aolany ny soratra masina ary tsy azony izany, **F&F** 10:63. Ireto teny ireto dia tsy avy amin' olona na avy amin' ny olona fa avy Amiko, **F&F** 18:34–36. Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna dia manaporofo amin' izao tontolo izao fa marina ny soratra masina, **F&F** 20:2, 8–12. Fa tsy maintsy atokanareo ny fotoananareo handinihana ny soratra masina, **F&F** 26:1. Ny soratra masina dia omena ho fianaran' ny olomasina, **F&F** 33:16. Ny soratra masina dia omena ho famonjena ny olom-boafidy, **F&F** 35:20. Mampianàra ireo fitsipiky ny filazantsarako, izay ao amin' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna, **F&F** 42:12. Ny lalàko momba ireo zavatra ireo dia omena ao amin' ny soratra masina, **F&F** 42:28. Na inona na inona tenenina noho ny fanentanana' ny Fanahy Masina, dia soratra masina, **F&F** 68:4.

Soratra Masina Very: Maro ireo asasoratra masina voalaza ao amin' ny Soratra Masina kanefa tsy ananantsika ankehitriny, ka isan' izany ireto boky sy mpanoratra ireto: ny fanekempihavanana (**Eks.** 24:7), ny adin' ny Tompo (**Nom.** 21:14), Jasara (**Jos.** 10:13; 2 **Sam.** 1:18), ny tantaran' i Solomona (1 **Mpan.** 11:41), Samoela mpahita (1 **Tan.** 29:29), Natana mpaminany (2 **Tan.** 9:29), Semaia mpaminany (2 **Tan.** 12:15), Ido mpaminany (2 **Tan.** 13:22), Jeho (2 **Tan.** 20:34), ny tenin' ny mpahita (2 **Tan.** 33:19), Enoka (Joda 1:14), ny tenin' i Zenôka, i Neoma, ary i Zenôsa (1 **Ne.** 19:10), Zenôsa (**Jkb.** 5:1), Zenôka sy i Ezià (**Hel.** 8:20), ny bokim-pahatsiarovana (**Mos.** 6:5); ary ireo epistily ho an' ny Korintiana (1 **Kor.** 5:9), ny Efesiana (**Ef.** 3:3), ary avy Laodikia (**Kol.** 4:16).

Hotehirizina ny Soratra Masina: Ho azontsika ireo rakitsoratra ireo mba hahazoantsika mitahiry ny teny niloaky ny vavan' ny mpaminany, 1 **Ne.** 3:19–20. Tokony hotehiriziko ireto takelaka ireto, **Jkb.** 1:3. Ireto zavatra ireto dia efa notanana sy notsimbinin' ny tanan' Andriamanitra, **Môsià** 1:5.

Ataovy izay hikorakaranao ireo zavamasina ireo, **Almà** 37:47. Ny soratra masina dia hotehirizina amin' ny toerana azo antoka, **F&F** 42:56. Manao izay tratry ny heriko rehetra aho hitehirizana izany, **JS—T** 1:59.

Ny hasarobidin' ny Soratra Masina: Aoka hovakiana eo anatrehan' ny Isiraely rehetra ny tenin' ity lalàna ity, **Deot.** 31:10–13. Aoka tsy hiala amin' ny vavanao ity bokin' ny lalàna ity, **Jos.** 1:8. Tsy misy tsiny ny lalàn' ny Tompo, mamelombelona ny fanahy, **Sal.** 19:7. Fanilon' ny tongotro ny teninao, **Sal.** 119:105. Ny soratra masina no manambara Ahy, **Jao.** 5:39. Izay soratra rehetra nomen' ny tsindrimandrin' Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana sy ho fitaizana, 2 **Tim.** 3:15–16. Efa nampihariko taminay ny tenin' ny soratra masina rehetra mba ho tombontsoanay sy ho fianarana ho anay, 1 **Ne.** 19:23. Ny fanahiko dia finaritra amin' ny soratra masina, 2 **Ne.** 4:15–16. Miasa araka ny zotom-po isika hanoratra mba handresy lahatra ny zanatsika ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an' i Kristy, 2 **Ne.** 25:23. Nanadihady ny soratra masina izy ary tsy nihaino intsony ny tenin' ity olon-dratsy ity, **Jkb.** 7:23 (**Almà** 14:1). Fa raha tsy teo ireto takelaka ireto, dia tsy maintsy ho efa nijaly tao amin' ny tsy fahalalana isika, **Môsià** 1:2–7. Efa nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 17:2–3. Tehirizina ny soratra masina hitondra ny fanahy ho amin' ny famonjena, **Almà** 37:1–19 (2 **Ne.** 3:15). Hitarika ny olon' i Kristy ny tenin' Andriamanitra, **Hel.** 3:29. Ary na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentanana' ny Fanahy Masina dia hanjary soratra masina sy herin' Andriamanitra ho amin' ny famonjena, **F&F** 68:4. Hanota printy ny fahafenoan' ny soratra masina mba ho fanorenana ny fiangonako sy hanomana ny oloko, **F&F** 104:58–59. Ary na zovy na zovy no mirakitra ny teniko dia tsy ho voafitaka, **JS—M** 1:37.

Faminaniana ny amin' ny hivoahan' ny Soratra Masina: Nanambara mialoha ny fiavian' ny Bokin' i Môrmôna i Isaia, **Isa.** 29:11–14. Mangalà tapa-kazo anankiray, ka asio soratra hoe: ho an' i Joda, **Ezek.** 37:15–20. Hisy boky hafa hivoaka, **1 Ne.** 13:39. Tsy tokony hihevitra ianareo fa mirakitra ny teniko rehetra ny Baiboly, **2 Ne.** 29:10–14. Hazòny ny filazantsaran' i Kristy, izay hapetraka eo anoloanareo ao amin' ny rakitsoratra izay ho tonga any aminareo, **Môrm.** 7:8–9. Hotahina anie izay hitondra ity zavatra ity ho amin' ny mazava, **Môrm.** 8:16. Soraty ireo zavatra ireo, ary Izaho haneho azy ireo amin' ny fotoana mahamety izany Amiko, **Ete.** 3:27 (**Ete.** 4:7). Mino isika fa Izy dia mbola hanambara zavatra maro, **Fp.** 1:9.

SORATRA MASINA

ANKATOAVIN' NY

FIANGONANA. *Jereo koa*

Baiboly; Bokin' i Môrmôna;
Fotopampianarana sy
Fanekepihanana; Soratra
Masina; Voahangy Lafo Vidy

Fitambaran' ireo boky masina ekena sy ankatoavin' ny Fiangonana. Ho an' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ireo boky ekena sy ankatoavin' ny Fiangonana dia ahitana ny Testamenta Taloha sy Vaovao; ny Bokin' i Môrmôna; ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana; ny Voahangy Lafo Vidy.

SORATRA MASINA, VERY. *Jereo*

Soratra Masina—Soratra Masina
Very

SOROMPANAVOTANA. *Jereo koa*

Drafitry ny Fanavotana;
Fahalavaon' i Adama sy i Eva;
Fahasavana; Famelana ny
Fahotana; Famindram-po;
Famonjena; Fanamasinana;
Fanasan' ny Tompo; Fanavotana;
Fanomboana; Fibebehana;
Fitsanganana amin' ny Maty;
Getsemane; Hazofijaliana; Jesoa
Kristy; Mamelà; Manamarina; Ra;

Sorona; Tsy Fahafatesana; Zanak' i Kristy; Zanakalahy sy
Zanakavavin' Andriamanitra

Mampihavana ny olona amin' Andriamanitra.

Araka ny hita ao amin' ny soratra masina, ny hoe manonitra dia miaritra famaizana noho ny fahotana natao, ka amin' izany no anesorana amin' ny mpanota mibebaka ny vokatra ny fahotana ary amelana azy hihavana amin' Andriamanitra. Jesoa Kristy ihany no hany nahavita ny sorompanavotana fanaperana ho an' ny olombelona rehetra. Nahavita izany Izy noho ny fifantenana sy ny fanokanana Azy mialoha tao amin' ny Filankevitra Lehibe, talohan' ny namoronana izao tontolo izao (**Ete.** 3:14; **Mos.** 4:1–2; **Abr.** 3:27), noho ny maha-zanak' Andriamanitra Azy sy ny fiainany tsisy fahotana. Ny sorompanavotany dia nahitana ny fijaliany tao amin' ny Sahan' i Getsemane, noho ny fahotanan' ny olombelona, ny fandatsahana ny rany ary ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin' ny maty taorian' izay (**Isa.** 53:3–12; **Môsià** 3:5–11; **Almà** 7:10–13). Noho ny sorompanavotana, ny olona rehetra dia hitsangana amin' ny maty, miaraka amin' ny vatana tsy mety maty (**1 Kor.** 15:22). Ny sorompanavotana koa dia manokatra ho antsika ny lalana ahazoana mamelà ny fahotantsika ary miaina mandrakizay miaraka amin' Andriamanitra. Fa ny olona izay efa tonga eo amin' ny taona maha-tompon' andrakitra azy ka nandray ny lalàna dia tsy afaka mandray ireo fitahiana ireo raha tsy manam-pinoana an' i Jesoa Kristy, mibebaka amin' ny fahotany, mandray ireo ôrdônansin' ny famonjena ary mankatò an' ireo didin' Andriamanitra. Ireo izay tsy tonga eo amin' ny taona maha-tompon' andrakitra, mbamin' ireo izay tsy manana ny lalàna dia voavonjy amin' ny alalan' ny Sorompanavotana (**Môsià** 15:24–25; **Môrô.** 8:22). Mampianatra mazava tsara ny soratra masina fa raha tsy nanonitra ny fahotantsika i Kristy, dia tsy misy lalàna, ôrdônansy na sorona ho afaka

nanefa ny fitakian' ny fahamarinana, ary tsy ho afaka niverina na oviana na oviana teo anatrehan' Andriamanitra ny olona (2 Ne. 2; 9).

Ity no rako, alatsaka ho an' ny maro ho famelana ny fahotana, **Mat.** 26:28. Ny dininy dia tahaka ny vongan-dra vaventy, **Lio.** 22:39–44. Homeko ny nofo-ko ho fiainan' izao tontolo izao, **Jao.** 6:51. Izaho no fananganana ny maty sy fiainana, **Jao** 11:25. Kristy no loharonon' ny famonjena mandrakizay ho an' izay rehetra mankatò, **Heb** 5:9. Namamasina antsika ny fandatsahana ny ran' i Kristy, **Heb.** 9; 10:1–10. Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny fahotana, **1 Pet.** 3:18. Ny ran' i Jesoa Kristy no manadio antsika ho afaka amin' ny fahotana rehetra, **1 Jn.** 1:7. Nahantona teo amin' ny hazofijaliana Izy ary novonoina noho ny fahotana, **1 Ne.** 11:32–33. Ny fanavotana dia tonga amin' ireo izay manana fo torotoro sy fanahy manenina, **2 Ne.** 2:3–10, 25–27. Nanolotra ny tenany Izy ho sorona noho ny fahotana, **2 Ne.** 2:7. Ny sorompanavotana dia manonitra ny olona amin' ny Fahalavoana ary mamonjy azy amin' ny fahafatesana sy ny helo, **2 Ne.** 9:5–24. Tsy maintsy ilaina ny sorompanavotana tsisy fetra, **2 Ne.** 9:7. Mihavàna amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Kristy, **Jkb.** 4:11. Ny rany dia manonitra ny fahotan' ireo izay efa nanota tao amin' ny tsy fahalalana, **Môsià** 3:11–18. Nandray ny fanavotana tamin' ny alalan' ny sorompanavotana ny olona, **Môsià** 4:6–8. Raha tsy nisy ny sorompanavotana dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ho nahafaty azy ireo, **Môsià** 13:27–32. Izy no hanonitra ny fahotan' izao tontolo izao, **Almà.** 34:8–16. Izy Andriamanitra tenany no manonitra ny fahotan' izao tontolo izao mba hahatanteraka ny drafitry ny famindram-po, **Almà.** 42:11–30. Izaho no Andriamanitry ny tany manontolo, novonoina noho ny fahotan' izao tontolo izao, **3 Ne.** 11:14. Izaho Andriamanitra dia efa niaritra ireo zavatra ireo ho an' ny rehetra, **F&F**

19:16. Voavotra amin' ny alalan' ny Lahitokako ny ankizy madinika, **F&F** 29:46–47. Indro ny fijaliana sy ny fahafatesan' Ilay tsy nanota, **F&F** 45:3–5. Ity zavatra ity dia tandindon' ny fanaovana ny Lahitokana sorona, **Mos.** 5:7. Azo vonjena ny olombelona rehetra amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Kristy, **Fp.** 1:3.

SORONA. *Jereo koa* Fanasan' ny Tompo; Fo Torotoro; Jesoa Kristy; Sorompanavotana; Ra

Tamin' ny andro fahiny, ny *sonora* dia midika ho fanamasinana ny zavatra iray na ny olona iray. Ankehitriny kosa izany dia lasa midika ho famoizana na fiaretana ny fahaverezan' ny zavatr' izao tontolo izao noho ny amin' ny Tompo sy ny fanjakany. Tokony ho vonona ny hanao sorona ny zava-drehetra ho an' ny Tompo ny mpikamban' ny Fiangonan' ny Tompo. Nampianarin' i Joseph Smith fa “ny fivavahana izay tsy mitaky sorona amin' ny zava-drehetra dia tsy manana na oviana na oviana hery ampy hamokatra ny finoana ilaina ho amin' ny fiainana sy ny famonjena.” Raha ny mandrakizay no jerena, ny fitahiana azo avy amin' ny sorona dia lehibe noho izay zavatra nafoy.

Nomen' ny Tompo ny lalàn' ny sorona i Adama sy i Eva taorian' ny nandroahana azy hiala ny Sahan' i Edena. Isan' io lalàna io ny fanaterana ny voalohan-teraky ny biby fiompiny. Izany sorona izany dia tandindon' ny sorona izay hataon' ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra (**Mos.** 5:4–8). Izany fanao izany dia nitohy hatramin' ny fahafatesan' i Jesoa Kristy izay namarana ny fanaovan-tsorona ny biby ho isan' ny ôrdônansin' ny filazantsara (**Almà** 34:13–14). Ao amin' ny Fiangonana ankehitriny, mandray amin' ny mofo sy ny rano ny mpikambana ho fahatsiarovana ny sorona nataon' i Jesoa Kristy. Ny mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Kristy ankehitriny dia angatahina koa hanatitra ny fo torotoro sy ny fanahy manenina ho sorona (**3 Ne.** 9:19–22). Midika izany

fa izy ireo dia manetry tena, mibebaka, ary vonona hankatò ny didin' Andriamanitra.

Namatotra an' i Isaka zanany lahy i Abrahama ary nampandry azy teo amin' ny alitara, **Gen.** 22:1–18 (Jkb. 4:5). Haterinao ho sorona ny fanatitra hodoranao, **Eks.** 20:24. Tsy tokony hisy kilema ny biby atao fanatitra, **Deot.** 15:19–21. Ny mankatò no tsara noho ny fanatitra, **1 Sam.** 15:22. Ny ho tia ny namana dia mihoatra lavitra noho ny fanatitra hodorana rehetra, **Mar.** 12:32–33. Hamasinina amin' ny alalan' ny soron' i Kristy isika, **Heb.** 10:10–14. Manolotra ny tenany ho sorona noho ny fahotana i Kristy, **2 Ne.** 2:6–7. Izany sorona lehibe sady farany izany dia ho ny Zanak' Andriamanitra, eny, tsisy fetra ary mandrakizay, **Almà** 34:8–14. Aza manatitra fanatitra hodorana intsony; atero ho sorona ho an' Andriamanitra ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, **3 Ne.** 9:19–20 (Sal. 51:16–17; F&F 59:8). Anio no andron' ny fahafoizan-tena, **F&F** 64:23 (F&F 97:12). Ireo rehetra izay vonona ny hitandrina ny fanekempihavanany amin' ny alalan' ny fahafoizan-tena rehetra no eken' ny Tompo, **F&F** 97:8. Hitan' i Joseph F. Smith ny fanahin' ny marina Izay efa nanao sorona nitovy tamin' ny sorona lehibe nataon' ny Mpamonjy, **F&F** 138:13. Ny fanavotana dia efa notontosaina tamin' ny alalan' ny fanaovana sorona ny Zanak' Andriamanitra teo amin' ny hazofijaliana, **F&F** 138:35.

STEFANA

Maritiora ho an' ny Mpamonjy sy ny fiangonany tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao i Stefana. Ny toriteniny dia sady tandindona no mety nitarika ny asa lehibe nataon' i Paoly izay nanatrika ny fiarovan-tena nataon' i Stefana nanoloana ny Synedriona (Asa 8:1; 22:20).

Iray amin' ireo lehilahy fito notendrena hanampy ny Apostoly i Stefana, **Asa** 6:1–8. Nanao famantarana sy

fahagagana lehibe i Stefana, **Asa** 6:8. Niady hevitra tamin' ny Jiosy i Stefana, **Asa** 6:9–10. Nampangaina izy ary notsaraina teo anoloan' ny Synedriona, **Asa** 6:11–15. Niaro tena i Stefana, **Asa** 7:2–53. Feno ny Fanahy Masina izy ary nahita ny Ray sy ny Zanaka tamin' ny fahitana, **Asa** 7:55–56. Maty maritiora noho ny fijoroana ho vavolombelona nananany i Stefana, **Asa** 7:54–60.

SYNAGOGA. *Jereo koa* Jiosy

Toeram-pivoriana nampiasaina amin' ny tanjona ara-pivavahana. Tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao, dia matetika no tsotra ny fanaka tao anatiny: vata mirakitra ireo horonan-dalàna sy asa soratra masina hafa, latabatra fakamian-teny ary seza ho an' ireo mpivavaka.

Ny kôlejin' ny loholona eo an-toerana no mitantana ny synagoga tsirairay. Izy ireo no manapa-kevitra ny amin' ny olona tokony horaisina na tsia (Jao. 9:22; 12:42). Ny mpanapaka ny synagoga no manampahefana ambony indrindra (Lio. 13:14; Mar. 5:22). Mpanora-dalàna izy matetika, ary nikarakara ny trano sy niandraikitra ny fanompoam-pivavahana. Ny mpanao raharaha no natanteraka ny fiandraiketan-draharaha (Lio. 4:20).

Nisy synagoga tamin' ny tanàna rehetra niainan' ny Jiosy, na tany Palestina izany na tany an-toeran-kafa. Nanampy betsaka tamin' ny fanaparitahana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izany, satria ireo misiônera voalohan' ny fiangonana dia afaka niteny tao amin' ny synagoga mazàna (**Asa** 13:5, 14; 14:1; 17:1, 10; 18:4). Ny fanao toy izany dia hita koa teo anivon' ireo misiônera ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (**Almà** 16:13; 21:4–5; 32:1) sy teo anivon' ireo misiônera voalohany amin' izao fotoampitantanana izao (**F&F** 66:7; 68:1).

SYNEDRIONA. *Jereo koa* Jiosy

Ny antenimieran-doholona Jiosy sady fitsarana avo indrindra teo amin' ny Jiosy misahana ny lafin-javatra ara-

piarahamonina sy ara-pivavahana. Ny Synedriona dia ahitana mpikambana iraika amby fitopolo izay nalaina avy teo anivon' ny lohan' ny mpisorona, ny mpanoradalàna, ary ny loholona. Antsoina matetika hoe ny kôleja izany ao amin' ny soratra masina (Mat. 26:59; Mar. 14:55; Asa 5:34).

TABERNAKELY. *Jereo koa* Efitra Masina Indrindra; Fiaran' ny Fanekena; Tempoly, Tranon' ny Tompo

Tranon' ny Tompo, foiben' ny fivavahan' ny Isiraely nandritra ny fifindramonina avy any Egypta. Tempoly azo afindrafindra ny tabernakely ary azo saratsarahina sy atambatra indray. Nampiasa ny tabernakely ny zanak' i Isiraely mandra-panangany ny tempolin' i Solomona (F&F 124:38).

Nasehon' Andriamanitra an' i Mose-sy ny ho firafitry ny tabernakely (Eks. 26-27), ary dia nanangana izany araka ilay firafitra ny zanak' i Isiraely (Eks. 35-40). Rehefa vita ny tabernakely dia nisy rahona nandrakotra ny lay, ary ny voninahitr' Andriamanitra nameno ny tabernakely (Eks. 40:33-34). Mariky ny fanatrehan' Andriamanitra ny rahona. Niendrika afo izany rehefa alina. Rehefa nijanona teo ambonin' ny lay ny rahona dia nijanona nilasy ny zanak' i Isiraely. Rehefa nandeha kosa ny rahona dia niara-nandeha taminy izy ireo (Eks. 40:36-38; Nom. 9:17-18). Nitondra ny tabernakely niaraka taminy ny zanak' i Isiraely nandritra ny firenireniny tany an-tany foana sy tamin' ny namaboany ny tanin' i Kanana. Taorian' izany famaboana izany, dia napetraka tany Silo izay toerana nofinidin' ny Tompo ny tabernakely (Jos. 18:1). Taorian' ny nananganan' ny zanak' i Isiraely ny tempolin' i Solomona, dia tsy re intsony mihitsy tamin' ny tantara ny tabernakely.

Ny Tompo sy i Isaia dia nampiasa ny tabernakely ho toy ny tandindon' ny tanànan' i Ziona sy i Jerosalema amin' ny fotoana iavian' ny Tompo fanindroany (Isa. 33:20; Mos. 7:62).

TAHOTRA. *Jereo koa* Fanajana; Finoana; Herimpo

Mety hanana heviny roa ny hoe tahotra: (1) Ny matahotra an' Andriamanitra dia ny manaja sy ny manahy ny Aminy ka mankatò ny didiny; (2) Ny matahotra olona, loza mahafaty, faaintainana ary faharatsiana dia ny mivadi-po amin-javatra toy izany ka mifihifihy aminy.

Tahotra an' Andriamanitra: Tsy misy fahatahorana an' Andriamanitra tokoa eo amin' ity toerana ity, **Gen.** 20:11. Hanan-tahotra ny Tompo Andriamanitrao ianao, **Deot.** 6:13 (Jos. 24:14; 1 Sam. 12:24). Manompoa ny Tompo amin' ny fahatahorana, **Sal.** 2:11. Ny fahatahorana ny Tompo no fiandoham-pahendrena, **Sal.** 111:10. Matahora ny Tompo ary mialà amin' ny ratsy, **Ohab.** 3:7. Ho soa ho an' ireo izay matahotra an' Andriamanitra izany, **Mpito.** 8:12. Miasà ho amin' ny famonjena anareo amin-tahotra sy hovitra, **Filip.** 2:12. Matahora an' Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy, **Fan.** 14:7 (F&F 88:104). Ny mpaminany dia nanaitra lalandava ny vahoaka mba hihazonana azy ao amin' ny fahatahorana ny Tompo, **Enô.** 1:23. Lavo tamin' ny tany i Almà sy ireo zanakalahin' i Môsià, satria tonga taminy ny fahatahorana ny Tompo, **Almà** 36:7. Milofosa amin' ny famonjena anareo miaraka amin-tahotra sy hovitra, **Môrm.** 9:27. Ireo izay tsy matahotra Ahy kosa dia hotabaiko sy hampangovitiko, **F&F** 10:56. Izay matahotra Ahy dia hiandrandra ireo famantarana ny amin' ny fiavian' ny Zanak' olona, **F&F** 45:39.

Tahotra ny olona: Aza matahotra fa momba anao Aho, **Gen.** 26:24 (Isa. 41:10). Momba antsika ny Tompo: aza matahotra azy ireo, **Nom.** 14:9. Aza matahotra: fa betsaka kokoa ny momba antsika, **2 Mpan.** 6:16. Tsy hatahorako izay mety ho vitan' ny nofo, **Sal.** 56:4. Aza matahotra ny fandatsan' ny olona, **Isa.** 51:7 (2 Ne. 8:7). Tsy nomen' Andriamanitra antsika ny fanahin' ny tahotra, **2 Tim.** 1:7. Ny fitiavana fanaperana mandroaka ny

tahotra, **1 Jn.** 4:18 (Môrô. 8:16). Tsy matahotra fahafatesana ireo zanakalahin' i Helamàna, **Almà** 56:46–48. Ny tahotra ny fahafatesana dia mameno ny tratan' ny olon-dratsy, **Môrm.** 6:7. Aza matahotra izay mety hataon' ny olona, **Môrô.** 8:16. Tsy tokony ho natahotra ny olona mihoatra noho Andriamanitra ianao, **F&F** 3:7 (F&F 30:1, 11; 122:9). Aza matahotra ny hanao ny tsara, **F&F** 6:33. Na zovy na zovy no isan' ny fiangonako, dia tsy mila matahotra izy, **F&F** 10:55. Raha efa mio-mana ianareo dia tsy hatahotra, **F&F** 38:30. Esory hiala amin' ny tenanareo ny tahotra, **F&F** 67:10. Mahereza ary aza matahotra fa Izao Tompo dia momba anareo, **F&F** 68:6. Aza matahotra ny fahavalonareo, **F&F** 136:17.

TAKELA-BARAHINA. *Jereo koa*

Takelaka

Ny rakitsoratra ny Jiosy hatrany ampiandohana ka hatreo amin' ny 600 taona tal. J.K., mirakitra ireo asasoratra maro an' ireo mpaminany (1 Ne. 5:10–16). Izany rakitsoratra izany dia notanan' i Labana, anankiray tamin' ireo loholona Jiosy tao Jerosalema. Raha mbola tany an-tany foana i Lehia sy ny ankohonany, dia nirahin' i Lehia ireo zanakalahiny hiverina any Jerosalema haka izany rakitsoratra izany (1 Ne. 3–4). (Ny amin' ny filazalazana misimisy kokoa dia jereo ny “Fanazavana fohy momba ny Bokin' i Môrmôna”, izay ao amin' ny Bokin' i Môrmôna).

TAKELA-BOLAMENA. *Jereo koa*

Bokin' i Môrmôna; Takelaka

Rakitsoratra nosoratana tamin' ny takela-bolamena. Milaza ny tantaran' ny riba roa lehibe teo amin' ny kaontinanta Amerikana izany. Nadika sy navoakan' i Joseph Smith ho boky ny ampahany tamin' ireo takelaka ireo. Io dikanten' io no atao hoe ny Bokin' i Môrmôna (Ho fampahalalana misimisy kokoa, dia jereo ny “Teny fanolorana” sy ny “Fanambaran' ny Mpaminany Joseph Smith any amin' ny fiandohan' ny Bokin' i Môrmôna”).

TAKELAKA. *Jereo koa* Bokin' i Môrmôna; Takela-bolamena

Fahiny, ny antokon' olona sasany dia nanoratra ny tantara sy ny firaketany tambonin' ny takela-by, tahaka izay nitranga tamin' ny Bokin' i Môrmôna. Ho fampahalalana misimisy kokoa, jereo ny “fanazavana fohiofiohy momba ny Bokin' i Môrmôna” ao amin' ny pejy fanoloran' ny Bokin' i Môrmôna.

TALENTA

Havesatra vola fahiny izay nanan-danja lehibe. Nampiasaina koa izany ho tandindon' ny zavatra izay sarobidy toy ny ny filazantsaran' i Jesoa Kristy (Mat. 25:14–29; Ete. 12:35; F&F 60:2, 13).

TANIMBOLIN' NY TOMPO. *Jereo koa* Isiraely; Saha

Tandindon' ny saha iasana ara-panahy. Ao amin' ny soratra masina, ny tanimbolin' ny Tompo mazàna dia manondro ny mpianakavin' i Isiraely na ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Manondro ireo olona eto an-tany amin' ny ankapobeny koa izany indraindray.

Ny mpianakavin' i Isiraely no tanimbolin' ny Tompon' ny Maro, **Isa.** 5:7 (2 Ne. 15:7). Nanao fanoharana momba ireo mpiasa tao amin' ny tanimboly i Jesoa, **Mat.** 20:1–16. Isiraely dia toy ny hazo oliva voakolokolo izay nokolokoloina tao an-tanimbolin' ny Tompo, **Jkb.** 5. Handrantsana farany ny tanimboliny ny mpanompon' ny Tompo, **Jkb.** 6. Hitahy ireo rehetra miasa ao amin' ny tanimboliny ny Tompo, **F&F** 21:9 (Almà 28:14). Miasà farany ao amin' ny tanimboliko ianareo, **F&F** 43:28.

TANTARA

Boky roa ao amin' ny Testamenta Taloha. Izany dia mitantara fohy ny zava-nisy hatramin' ny Fahariana ka hatramin' ny fanambaran' i Kirosoy izay namela ny Jiosy hiverina any Jerosalema.

Tantara Voalohany: Toko 1–9: misy ireo tetiarana hatramin' i Adama ka hatramin' i Saoly. Toko 10: mitantara ny

nahafatesan' i Saoly. Toko 11–22: manoritsoritra an' ireo zava-nisy nifanin-gotra tamin' ny nanjakan' i Davida. Toko 23–27: manazava fa lasa mpanjaka i Solomona ary nalamina ireo Levita. Toko 28: manazava fa nodidian' i Davida i Solomona hanorina tempoly. Toko 29: mitantara ny nahafatesan' i Davida.

Tantara faharoa: Toko 1–9: manoritso-ritra ny zava-nisy nifanin-gotra tamin' ny nanjakan' i Solomona. Toko 10–12: milaza ny amin' ny nanjakan' i Rehoboama, zanakalahin' i Solomona, ka tamin' izany dia nizara ho fanjakana avaratra sy atsimo ilay fanjakana tokan' i Isiraely. Toko 13–36: milazalaza ny fitondran' ireo mpanjaka samihafa mandra-pahatongan' ny famaboan' i Nebokadnezara ny fanjakan' i Joda. Ny boky dia miafara amin' ny didim-pitondran' i Kirosoy, fa ny babo zanak' i Joda dia afaka miverina any Jerosalema.

TANTARAM-PIANAKAVIANA.

Jereo Famonjena ho an' ny Maty; Tetiarana

TANTERAKA

Tonga lafatra, feno ary mivelatra tanteraka; marina tsy misy tomika. Mety midika ho tsy misy heloka na faharatsiana ihany koa ny tanteraka. I Kristy irery ihany no tanteraka tsy misy tomika. Ireo tena mpanara-dia an' i Kristy dia afaka ho tonga tanteraka amin' ny alalan' ny fahasoavany sy ny sorompanavotany.

Ary aoka ho marina amin' ny Tompo anie ny fonareo, **1 Mpan.** 8:61. Aoka ho tanteraka hianareo, toy ny Rainareo izay any an-danitra, **Mat.** 5:48 (3 Ne. 12:48). Raha misy olona tsy mba tafintohina amin' ny teny, dia izy no lehilahy tanteraka, **Jak.** 3:2. Ny finoana dia tsy fananana fahalalana tomombana ny zavatra, **Almà** 32:21, 26. Natao ny sorompanavotana mba ho Andriamanitra fanaperana Andriamanitra, **Almà** 42:15. Lehilahin' ny fahatakaran-

tsaina fanaperana i Môrônia, **Almà** 48:11–13, 17–18. Omena ny olona tsirairay ny Fanahin' i Kristy mba hahazoany manavaka amin' ny fahalalana tanteraka na avy amin' Andriamanitra ny zavatra iray na avy amin' ny devoly, **Môrô.** 7:15–17. Manatona an' i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, **Môrô.** 10:32. Mitozoa ao amin' ny faharetana mandra-pahatonga anareo ho tanteraka, **F&F** 67:13. Ireny no ireo izay olona marina natao fanaperana tamin' ny alalan' i Jesoa, **F&F** 76:69. Ho fanatanterahana ny olomasina ireo asa fanompoana ao amin' ny Fiangonana, **F&F** 124:143 (Ef. 4:11–13). Tsy tanteraka ny velona raha tsy eo ny maty eo aminy, **F&F** 128:15, 18. Lehilahy marina i Noa ary fanaperana teo amin' ny taranany, **Mos.** 8:27.

TANY. *Jereo* koa Fahariana; Izao Tontolo Izao

Ny planeta izay onenantsika, noharian' Andriamanitra tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, mba hampiasain' ny olona mandritra ny fizahan-toetra eto an-tany. Ny tanjony farany dia ny hanjary be voninahitra sy hasandratra (**F&F** 77:1–2; 130:8–9). Ny tany dia hanjary lova mandrakizay ho an' ireo izay efa niaina mba ho mendrika ny voninahitra selestialy (**F&F** 88:14–26). Hankafy ny fanatrehan' ny Ray sy ny Zanaka izy ireo (**F&F** 76:62).

Nohariana ho an' ny olona: Nomen' Andriamanitra ny olona ny fanapahana ny tany, **Gen.** 1:28 (**Mos.** 2:28). An' ny Tompo ny tany, **Eks.** 9:29 (**Sal.** 24:1). Efa nomen' ny Tompo ny zanak' olombelona ny tany, **Sal.** 115:16. Izaho no nanao ny tany sy nahary ny olona eo amboniny, **Isa.** 45:12. Tamin' ny herin' ny teniny no nahatongavan' ny olona teto an-tany, **Jkb.** 4:9. Ny tany dia homena ho an' ireo izay efa nandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana azy, **F&F** 45:56–58 (**F&F** 103:7). Ireo izay efa nankato ny filazantsara dia valiana amin' ny zava-tsoan' ny tany, **F&F** 59:3. Ny mahantra sy ny malemy fanahy amin' ny tany no

handova izany, **F&F** 88:17 (Mat. 5:5, 3 Ne. 12:5). Hanao tany isika dia hose-drantsika izy ireo, **Abr.** 3:24–25.

Zavatra velona: Mitoetra mandrakizay ny tany, **Mpito.** 1:4. Ny ranomasina fitaratra dia ny tany amin' ny toetrany nohamasinina, tsy mety maty ary mandrakizay, **F&F** 77:1. Ny tany dia tsy maintsy hamasinina sy omanina ho amin' ny voninahitra selestialy, **F&F** 88:18–19. Nitoloko mafy ny tany, **Mos.** 7:48.

Fanasarahana ny tany: Aoka hiangona amin' ny toerana iray ny rano, **Gen.** 1:9. Tamin' ny andron' i Palega no nizarana ny tany, **Gen.** 10:25. Nony efa nisintona niala ny rano, dia nanjary tany nofinidy izany, **Ete.** 13:2. Ny tany dia ho toy ny talohan' ny nizarana azy, **F&F** 133:24.

Fandiovana ny tany: Nilatsaka tambonin' ny tany nandritra ny efapolo andro ny orana, **Gen.** 7:4. Tehirizina ho amin' ny afo, amin' ny andro fitsarana ny tany, **2 Pet.** 3:7. Aorian' ny anio dia avy ny fandoroana, **F&F** 64:24. Maniry ny hodiovina amin' ny fahalotoana ny tany, **Mos.** 7:48.

Toetra faran' ny tany: Hahorona tahaka ny horonan-taratasy ny tany ary ho levona, **3 Ne.** 26:3 (**F&F** 29:23). Hisy lanitra vaovao sy tany vaovao, **Ete.** 13:9 (**F&F** 29:23). Ny ranomasina fitaratra dia ny tany amin' ny toetrany nohamasinina, tsy mety maty ary mandrakizay, **F&F** 77:1. Tsy maintsy hamasinina sy omanina ho amin' ny voninahitra selestialy ny tany, **F&F** 88:18–19. Ity tany ity dia hatao tahaka ny vatomazava ary ho Orima sy Tomima, **F&F** 130:8–9. Hitsahatra mandritra ny arivo taona ny tany, **Mos.** 7:64. Hohavaozina ny tany, **Fp.** 1:10.

TANY NAMPANANTENAINA

Tany izay ampanantenain' ny Tompo mba ho lova ho an' ireo mpanaraka mahatoky Azy, ary matetika koa an' ny taranak' izy ireo. Misy maro ny tany nampanantenaina. I Amerika matetika no lazaina amin' ny hoe tany

nampanantenaina ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Ny taranakao no homeko ity tany ity, **Gen.** 12:7 (**Abr.** 2:19). Homeko anao sy ny taranakao ny tany Kanana, **Gen.** 17:8 (**Gen.** 28:13). Namaritra ny sisintanin' i Isiraely tao Kanana i Mosesy, **Nom.** 34:1–12 (**Nom.** 27:12). Hoentina mankany amin' ny tany nampanantenaina ianao, **1 Ne.** 2:20 (1 Ne. 5:5). Mitondra ny marina mankamin' ny tany sarobidy ny Tompo, **1 Ne.** 17:38. Hiroborobo ao amin' ny tany nampanantenaina ny taranak' i Lehia raha mitandrana ny didin' Andriamanitra, **2 Ne.** 1:5–9. Hiverina any amin' ny tany nampanantenaina azy ny Isiraely, **2 Ne.** 24:1–2 (**Isa.** 14:1–2). Na zovy na zovy firenena hizaka ity tany nampanantenaina ity, dia hanompo an' Andriamanitra izy, na hofaohana, **Ete.** 2:9–12. Koa ity no tanin' ny fampanantenana sy toeran' ny tanànan' i Ziona, **F&F** 57:2. I Joda dia hanomboka hiverina amin' ny tanin' i Abrahama, **F&F** 109:64. I Jero-salema Vaovao dia haorina eo amin' ny kaontinanta Amerikana, **Fp.** 1:10.

TAPA-KAZON' I EFRAIMA. *Jereo*

Efraima—Ny tapa-kazon' i Efraima na Josefa

TAPA-KAZON' I JODA. *Jereo*

Joda—Ny tapa-kazon' i Joda

TAPA-KAZON' I JOSEFA. *Jereo*

Efraima—Ny tapa-kazon' i Efraima na Josefa

TARANAK' I ABRAHAMA. *Jereo*

Abrahama—Ny taranak' i Abrahama

TAREHY

Tontalin' endriky ny olona iray izay matetika ahitana taratra ny toe-panahy sy ny toe-tsainy.

Niampanga azy ny tarehiny, **Isa.** 3:9. Nivaloarika ny tarehin' ny mpanjaka ary nanenjika azy ny eritreriny, **Dan.** 5:6. Tahaka ny tselatra ny tarehiny, **Mat.** 28:3. Ny tarehiny dia tahaka ny

masoandro, **Fan.** 1:16. Moa va ny endrik' Andriamanitra efa nisoritra teo amin' ny tarehinareo, **Almà** 5:14, 19. Nahita i Amôna fa niova ny tarehin' ny mpanjaka, **Almà** 18:12. Mifadia hanina sy mivavaha amin' ny fo falifaly sy ny tarehy miramirana, **F&F** 59:14–15. Ny tarehiny dia manjelanjelatra mihoatra noho ny famirapiratra ny masoandro, **F&F** 110:3.

TAVA. *Jereo Tarehy*

TAYLOR, JOHN

Filoha fahatelon' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Nantsoina ho ao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy, **F&F** 118:6 (**F&F** 124:128–29). Nanoratra momba ny fahafatesan' i Joseph sy Hyrum Smith maritiora, **F&F** 135. Naratra nandritra ny famonoana maritiora, **F&F** 135:2. Isan' ireo mahery hitan' i Joseph F. Smith tao amin' ny tontolon' ny fanahy, **F&F** 138:53–56.

TEANKOMA

Mpitari-tafika Nefita lehibe ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (**Almà** 50:35; 51–52; 61–62).

TEMPOLIN' I KIRTLAND

Tempoly voalohany naorin' ny fiangonana tamin' izao vanim-potoana izao. Natsangan' ny olomasina tany Kirtland, Ohio (Amerika) izany, araka izay nandidian' ny Tompo (**F&F** 94:3–9). Iray tamin' ny tanjona ny hanana toerana izay hahafahan' ireo mpikambana mendrika ao amin' ny fiangonana mandray hery ara-panahy sy fahefana ary fahazavana (**F&F** 109; 110). Natokana tamin' ny 27 Martsa 1836 izany, ary ny vavaka fanokanana dia nomena ny mpaminana ny Joseph Smith tamin' ny alalan' ny fanambarana (**F&F** 109). Nanome fanambarana manan-danja maro tao amin' ity tempoly ity ny Tompo sady namerina tao indray ny fanalahidy nilaina ho an' ny fisoronana (**F&F** 110; 137).

Tsy nampiasaina tao ireo ôrdônansy fenon' ny tempoly izay fanome any amin' ireo tempoly ankehitriny.

TEMPOLY, TRANON' NY

TOMPO. *Jereo koa* Efitra Masina Indrindra; Fanafiana Masina; Ôrdônansy; Tabernakely

Ny tranon' ny Tompo ara-bakiteny. Nandidy mandrakariva ny olony ny Tompo hanorina tempoly, trano masina izay anatanterahan' ny olomasina mendrika ireo fombafomba masina sy ôrdônansin' ny filazantsara ho an' ny tenany sy ho an' ny maty. Mamangy ny tempoliny ny Tompo, ary toerana masina indrindra amin' ny toeram-pivavahana rehetra ireny.

Ny tabernakely natsangan' i Mosesy sy ny zanak' i Isiraely dia tempoly azo afindrafindra. Nampiasa izany ny Isiraelita nandritra ny fivoahany avy any Egypta.

Ny tempoly fanta-daza indrindra voalaza ao amin' ny Baiboly dia ilay naorin' i Solomona tany Jerosalema (2 Tan. 2–5). Noravan' ny Babyloniana izany tamin' ny 600 talohan' i j.k., ary natsangan' i Zerobabela indray efa ho zato taona tatỳ aoriana (**Ezra** 1–6). May tamin' ny 37 talohan' i j.k. ny ampahan' izany tempoly izany, ary namboarin' i Heroda lehibe tatỳ aoriana. Noravan' ny Romana ilay tempoly ny 70 taorian' i j.k.

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ireo olo-marina mpanaraka an' Andriamanitra dia notarihina hanangana tempoly sy hivavaka ao (2 Ne. 5:16; Môsià 1:18; 3 Ne. 11:1). Ny fananganana sy fampiasana ny tempoly araka ny tokony ho izy dia mariky ny fiangonana marina tamin' ny fotoampitantanana rehetra, ka isan' izany ny Fiangonana naverina amin' ny laoniny amin' izao androntsika izao. Ny Tempolin' i Kirtland no tempoly natsangana sy natokana voalohany ho an' ny Tompo amin' izao Fotoampitantanana izao. Hatramin' io fotoana io dia tempoly maro no natokana tamin' ny toerana maro manerana ny tany.

Iza no hitoetra ao amin' ny fitoerany masina? **Sal.** 24:3–5. Andeha isika hia-katra any an-tendrombohitry ny Andriamanitr' i Jakoba, **Isa.** 2:2–3 (Mika 4:1–2; 2 Ne. 12:2–3). Ny Tompo dia ho avy tampoka eo an-tempoliny, **Mal.** 3:1 (3 Ne. 24:1; F&F 36:8; 42:36). Nanadio ny tempoly i Jesoa, **Mat.** 21:12–16 (Mar. 11:15–18; Lio. 19:45–48). Nodidina hanorina tempoly tany Missouri ny Olomasina, **F&F** 57:3 (F&F 84:3–5). Manorena tranon' Andriamanitra, **F&F** 88:119 (F&F 109:8). Nanafay ny olomasina ny Tompo noho ny tsy nananganan' izy ireo ny tempoly, **F&F** 95:1–12. Tsy hiditra ao amin' ny tempoly tsy madio Aho, **F&F** 97:15–17. Efa nekeko ity trano ity ary ho eto ny anarako, **F&F** 110:7–8. Didina mandrakariva ny olon' ny Tompo mba hanorina trano ho an' ny anarany, **F&F** 124:39. Ny asa lehibe atao any amin' ny tempoly dia ahitana ny famehezana ny zanaka amin' ny ray aman-dreniny, **F&F** 138:47–48. Ny asa lehiben' ny andro farany dia ahitana ny fananganana tempoly, **F&F** 138:53–54.

TENDROMBOHITRA OLIVA.

Jereo Oliva, Tendrombohitra

TENIN' ANDRIAMANITRA. *Jereo*

*koa Didin' Andriamanitra;
Fanambarana; Soratra Masina*

Toromarika na didy na hafatra avy amin' Andriamanitra. Ny zanak' Andriamanitra dia afaka mahazo mivantana ny teniny amin' ny alalan' ny fanambarana na avy amin' ireo mpampompo nofinidiny (F&F 1:38).

Izay rehetra teny aloaky ny vavan' ny Tompo no iveloman' ny olona, **Deot.** 8:3 (Mat. 4:4; F&F 84:43–44). Fanilon' ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao, **Sal.** 119:105. Feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahasahiana, **Asa** 4:31–33. Ilay anja-by dia ny tenin' Andriamanitra izay nitondra nankamin' ny hazon' aina, **1 Ne.** 11:25 (1 Ne. 15:23–25). Efa donto ianareo,

hany ka tsy mahatsapa ny teniny, **1 Ne.** 17:45–46. Lozan' izay mandà ny tenin' Andriamanitra! **2 Ne.** 27:14 (2 Ne. 28:29; Ete. 4:8). Mibosesika handroso, mivoky amin' ny tenin' i Kristy, **2 Ne.** 31:20 (2 Ne. 32:3). Noho ny tsy finoany dia tsy nety nahatakatra ny tenin' Andriamanitra izy, **Môsià** 26:3 (Almà 12:10). Efa nodininy tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 17:2. Tsara ny hanandraman' izy ireo ny herin' ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 31:5. Nampitahain' i Almà tamin' ny voa ny tenin' Andriamanitra, **Almà** 32:28–43. Na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentanan' ny Fanahy Masina dia hanjary tenin' ny Tompo, **F&F** 68:4. Mivelona amin' ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra, **F&F** 84:44–45. Na zovy na zovy no mirakitra ny teniko dia tsy ho voafitaka, **JS—M** 1:37.

TENIN' NY FAHENDRENA

Lalàn' ny fahasalamana nambaran' ny Tompo ho an' ny tombontsoan' ny vatana sy ny fanahin' ny Olomasina (F&F 89). Lasa fantatra amin' ny hoe “Tenin' ny Fahendrena” izany. Nampianatra ireo mpanaraka Azy fitsipi-pahasalamana mandrakariva ny Tompo. Nambaran' ny Tompo tamin' i Joseph Smith ny karazan-tsakafo tokony hohanina sy ny tsy tokony hohanina, miaraka amin' ny fampantanenana fitahiana ara-nofo sy ara-panahy noho ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena.

Aza misotro divay na toaka hianao, **Lev.** 10:9. Mpaniratsira ny divay, ary mpitabataba ny toaka, **Ohab.** 20:1. Mangidy amin' izay misotro azy ny toaka, **Isa.** 24:9. Daniela dia tsy nando-to ny tenany tamin' ny hanin' ny mpanjaka, na tamin' ny divay, **Dan.** 1:8. Raha misy manimba ny tempolin' Andriamanitra, dia mba hosimban' Andriamanitra kosa izy, **1 Kor.** 3:16–17. Ny mpimamo dia tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.** 6:10 (Gal. 5:21). Na zovy na zovy no mandrara ka mampifady hena, dia tsy

voatendrin' Andriamanitra izy, **F&F** 49:18–21. Ny zava-drehetra avy amin' ny tany dia hampiasaina amin' ny fandajalanjana, fa tsy mihoa-pampana, **F&F** 59:20. Miteny ny Olomasina ny Tompo tsy hampiasa ny divay, ny zava-pisotro mahery, ny paraky sy ny sigara ary ny zava-pisotro mahamay, **F&F** 89:1–9. Ny raokandro, ny voankazo, ny nofon' ny biby, ary ny voa rehetra dia efa voatendry ho fampiasan' ny olona sy ny biby, **F&F** 89:10–17. Mitondra fitahiana ara-nofy sy ara-panahy ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena, **F&F** 89:18–21.

TENY. *Jereo Jesoa Kristy—Fisian' i Kristy talohan' ny nahatongavany teto an-tany*

TESALONIANA, EPISTILY HO AN' NY. *Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly*

Boky roa ao amin' ny Testamenta Vaovao. Taratasy nosoratan' i Paoly ho an' ny Tesaloniana izany tany am-piandohana, nandritra ny fitsidihany voalohany an' i Eoropa nanodidina ny 50 taorian' i J.K. Voalaza ao amin' Asa. 17 ny asany tany Tesalonika. Nitady hiverina tany Tesalonika i Paoly saingy tsy afaka nanao izany (1 Tes. 2:18), koa nandefa an' i Timoty izy mba hampahery ireo niova fo sy hanao tatitra aminy mikasika azy ireo. Nanoratra ny epistily voalohany i Paoly noho ny fankasitrahany tamin' ny fiverenan' i Timoty.

Tesaloniana Voalohany: Toko 1–2: mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy ny fivavahany ho an' ny olomasina. Toko 3–5 manome fampianarana momba ny fitomboana ara-panahy, ny fitiavana, ny fahadiovam-pitondrantena, ny fahazo-toana, ary ny fiverenan' i Jesoa Kristy fanindroany.

Tesaloniana Faharoa: Toko 1: Mirakitra vavaka ho an' ny olomasina. Toko 2: miresaka ny fahatogavan' ny apôstazia. Toko 3: Mirakitra ny vavak' i Paoly ho an' ny fandresen' ny foto-kevitra ny filazantsara.

TESTAMENTA. *Jereo Testamenta Taloha; Testamenta Vaovao*

TESTAMENTA TALOHA. *Jereo koa Baiboly; Pentateoka; Soratra Masina*

Rakitsoratr' ireo mpaminany fahiny izay niasa teo ambany fanentanana' ny Fanahy Masina ary nijoro ho vavolombelona tao anatin' ny taonjato maro momba an' i Kristy sy ny fanompoana hataony. Voarakitra ao ihany koa ny tantaran' i Abrahamana sy ny taranany, manomboka amin' i Abrahamana sy ny fanekehempihavanana na ny *testamenta* izay nataon' ny Tompo tamin' i Abrahamana sy ny taranany.

Ireo boky dimy voalohany ao amin' ny Testamenta Taloha dia nosoratan' i Mosesy. Ny Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery ary Deuteronomia izany. Ny Genesisy dia mitantara ny fiandohan' ny tany, ny olombelona, ny fiteny, ny firazanana ary ny fanombohan' ny mpianakavin' i Isiraely.

Ireo boky tantara dia milaza ny zava-nisy teo amin' ny Isiraely. Ireo boky ireo dia ny Josoa, Mpitsara, Rota, Samoela 1 sy 2, Mpanjaka 1 sy 2, Tantara 1 sy 2; Ezra, Nehemia, ary Estera.

Ireo bokin-tononkalo dia mirakitra ny fahendrena sy ny asa soratr' ireo mpaminany. Izany dia ny Joba, Salamo, Ohabolana, Mpitoriteny, Tononkiran' i Solomona ary Fitomaniana.

Nampitandrina an' i Isiraely ny amin' ny fahotany ny mpaminany ary nijoro ho vavolombelon' ny fitahiana ateraky ny fankatoavana. Naminany ny amin' ny fiavian' i Kristy izay hanonitra ny fahotan' ireo izay mibebaka sy mandray ny ôrdônansy ary miaina ny filazantsara izy ireo. Ny bokin' ireo mpaminany dia ny Isaia, Jeremia, Ezekiela, Daniela, Hosea, Joela, Amosa, Obadia, Jona, Mika, Nahoma, Habakoka, Zefania, Hagay, Zakaria ary Malakia.

Nosoratana tamin' ny teny Hebreo ny ankamaroan' ny bokin' ny Testamenta Taloha. Ahitana teny Aramaika, izay fiteny mitovitovy aminy ny asa soratra vistivitsy.

TESTAMENTA VAOVAO. *Jereo koa*
Baiboly; Soratra Masina

Amboaran-tsoratra nentanin-panahy (tamin' ny teny Grika tamin' ny voalohany) momba ny fiainana sy ny fanompoan' i Jesoa Kristy, ny Apostoly, ary ireo mpanara-dia hafa an' i Jesoa Kristy. Ny Testamenta Vaovao dia mizara amin' ny ankapobeny ho ireo Filazantsara, ny asan' ny Apostoly, ireo Epistilin' i Paoly, ireo Epistily ankapobeny, ary ny bokin' ny fanambarana.

Ireo Filazantsara efatra—ny bokin' i Matio, Marka, Lioka, ary Jaona—dia fitantarana ny fiainan' i Jesoa Kristy. Ny bokin' ny Asan' ny Apostoly dia mirakitra ny tantaran' ny fiangonana sy ny Apostoly, indrindra ny dia fitoriana filazantsara nataon' i Paoly taorian' ny nahafatesan' i Kristy. Manome torolalana ho an' ireo mpitondra sy mpikamban' ny fiangonana ny taratasin' i Paoly. Ireo taratasy hafa dia nosoratan' ireo Apostoly hafa ary manome fanampin-torohevitra ho an' ny Olomasina fahizay. Ny bokin' ny fanambarana izay nosoratan' i Jaona Apostoly dia mirakitra indrindra ireo famanianana mikasika ny andro farany.

TETIARANA. *Jereo Batisa*—Batisa
ho an' ny maty; Bokim-
pahatsiarovana; Famonjena;
Famonjena ho an' ny Maty;
Fianakaviana; Ôrdônansy—
Ôrdônansy soloana tena

Rakitsoratra izay manjohy mianotra ny rohim-pihavanana ao amin' ny fianakaviana iray. Ho an' ireo anjara fanompoan' ny fisoronana na fitahiana sasantsasany voafetra ho an' ny fianakaviana iray manokana, dia tena zavadehibe ny tetiarana ao amin' ny soratra masina (Gen. 5; 10; 25; 46; 1 Tan. 1–9; Ezra 2:61–62; Neh. 7:63–64; Mat. 1:1–17; Lio. 3:23–38; 1 Ne. 3:1–4; 5:14–19; Jar. 1:1–2). Ao amin' ny Fiangonana naverina ho amin' ny laoniny ankehitriny, dia tohizan' ireo mpikambana ao amin' ny Fiangonana ny fanjohiana mianotra ny rohim-pihavanan' ny mpianakavy, mba hamantarany marina ny razany efa

nodimandry ka hahafahany mananton-tosa ny ôrdônansin' ny famonjena ho an' ireo razany. Manan-kery ireny ôrdônansy ireny ho an' ireo olona efa nodimandry izay manaiky ny filazantsaran' i Jesoa Kristy any amin' ny tonolon' ny fanahy (F&F 127, 128).

TIMOTY. *Jereo koa* Paoly

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, misiônera tanora mpiara-miasa tamin' i Paoly nandritra ny asa fanompoan' i Paoly (Asa 16:1–3; 2 Tim. 1:1–5), Grika ny rai-ny ary Jiosy ny reniny, ary nonina tany Listra izy sy ny ray aman-dreniny.

Nilaza an' i Timoty ho “tena zanany amin' ny finoana i Paoly” (1 Tim. 1:2, 18; 2 Tim. 1:2). I Timoty angamba no mpanampy mahomby sady nitokisan' i Paoly indrindra (Filip. 2:19–23).

TIMOTY, EPISTILY HO AN' NY.

Jereo koa Epistilin' i Paoly; Paoly;
Timoty

Boky roa ao amin' ny Testamenta Vaovao. Taratasy nosoratan' i Paoly ho an' i Timoty ireo boky roa ireo.

1 Timoty: Nanoratra ny epistily voalohany i Paoly taorian' ny nigadrany voalohany. Namela an' i Timoty tao Efeso izy ary nikasa ny hiverina any aoriana (1 Tim. 3:14). Tsapan' i Paoly anefa fa mety ho tratra aoriana ny tenany, ka dia nanoratra tamin' i Timoty izy, mety ho avy any Masedonia (1 Tim. 1:3), hanome azy torohevitra sy fampaherezana amin' ny fanatontosana ny asany.

Toko 1: mirakitra ny fiarahabany i Paoly sy ny fampianarany momba ny fisaintsainana adaladala izay nahazo lalana tao amin' ny fiangonana. Toko 2–3: manome toromarika mikasika ny fanompoam-pivavahana ampahibemaso sy mikasika ny toetra sy ny fitondrantenan' ireo mpanompo. Toko 4–5: mirakitra filazana mikasika ny apôstazia amin' ny andro farany sy torohevitra ho an' i Timoty mikasika ny fomba tokony hanompoany ireo olona tarihiny. Toko 6: famporisihana hahatoky sy hisoroka ny haren' izao tontolo izao.

2 *Timoty*: nanoratra ny taratasy faharoa i Paoly nandritra ny figadrany fanindroany, fotoana fohy talohan' ny nahafatesany ho maritiora. Izany dia mirakitra ny teny farany nataon' ity Apostoly ity, ary mampiseho ny herim-po mahatalanjona sy ny fahatokiana nentiny niatrika ny nahafatesana.

Toko 1: mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy didy ho an' i Timoty. Toko 2–3: manome fampitandremana sy torolalana samihafa, miaraka amin' ny famporisihana hiatrika ny loza ho avy. Toko 4: hafatra ho an' ireo naman' i Paoly, mirakitra torohevitra mikasika ny fomba hitondrana ireo mivadika.

TITOSY. *Jereo koa* Epistilin' i Paoly; Paoly; Titosy, Epistily ho an' i

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, Grika niova fo mahatoky izay niara-nandeha tamin' i Paoly tany Jerosalema ary lasa misiônera tatỳ aoriana (Gal. 2:1–4; 2 Tim. 4:10). I Titosy no nanome ny olomasina tao Korinto ny epistily voalohany nosoratan' i Paoly (2 Kor. 7:5–8, 13–15).

TITOSY, EPISTILY HO AN' I. Jereo *koa* Epistilin' i Paoly; Paoly; Titosy

Rehefa afaka vonjimaika tamin' ny fanagadrany ny Romana i Paoly dia nanoratra epistily ho an' i Titosy izay tany Kreta. Ny taratasy dia miresaka indrindra ny fanontaniana mikasika ny fitsipi-pifehezana anatin' ny fanamarinan' ny fiangonana.

Toko 1: Mirakitra ny fiarahaban' i Paoly sy toromarika ary ny fepetra ankapobeny takiana amin' ny eveka. Toko 2–3: Mirakitra fampianarana ankapobeny sy hafatra manokana ho an' i Titosy mikasika ny fomba hitondrana ireo vondrona samihafa ao amin' ny fiangonana any Kreta. Nampahery ny olomasina i Paoly handresy ny haratsiam-panahy, ho mahonontena, ho maotina sy mahatoky, ary hitana ny asa tsara.

TOAKA. *Jereo* Tenin' ny Fahendrena

TOETRA FAHAROA. *Jereo* Mety Maty

TOKANTRANO. *Jereo koa* Fianakaviana

Ny tokantrano dia tokony ho foiben' ny filazantsara sy ny fiainam-pianakaviana.

Ho afaka hitoetra ao an-tranony ny lehilahy iray ka hampifaly ny vadiny, **Deot.** 24:5. Nampody azy ho any an-tranony Izy, **Mar.** 8:26. Aoka ny ankizy hianatra haneho fitiavam-bavaka ao an-trano, **1 Tim.** 5:4. Aoka hahonontena, ho madio fitondrantena, hahakojakoja tokantrano, **Tito.** 2:5. Modia any an-tranonareo ary saintsaino ny zavatra izay efa nolazaiko, **3 Ne.** 17:2–3; Namporisika azy aho mba hadiany ho an' ny vadiny sy ny zanany ary ny tranony sy ny ankaniny, **Môrm.** 2:23. Didina ireo ray mba ho mazoto sy ho liana amin' ny tokantranony, **F&F** 93:43–44, 48–50.

TOMASY

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, iray amin' ireo Apostoly Roa ambin' ny folalahy voalohany nofinidin' ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany. Didimo izany anarana izany amin' ny teny Grika (Mat. 10:2–3; Jao. 14:5; 20:24–29; 21:2). Na dia tsy nino ny fitsanganan' i Jesoa tamin' ny maty aza i Tomasy raha tsy ny tenany mihitsy no nahita ny Mpamonjy, ny tanjaky ny toetrany dia nahatonga azy ho vonona hiatrika fanenjehana sy fahafatesana miaraka amin' ny Tompony (Jao. 11:16; 20:19–25).

TOMPO. *Jereo koa* Andriamanitra; Jesoa Kristy

Anaram-boninahitra maneho fanajana lalina sy fankalazana ho an' Andriamanitra Ray sy ny Mpamonjy Jesoa Kristy. Izany anaram-boninahitra izany dia manondro ny anjara toeran' izy ireo ho toy ny avo indrindra, Tompo be fitiavana an' ireo voariny.

Tsy misy zava-mahagaga tsy hain' ny Tompo, **Gen.** 18:14. Niresaka nifanatri-tava tamin' i Mosesy ny Tompo, **Eks.** 33:11. Tiava an' ny Tompo Andriamanitrao, **Deot.** 6:5 (Mat. 22:37; Mar. 12:30). Raha izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo an' i Jehovah izahay, **Jos.** 24:15. Ny Tompo no mpiandry ahy, **Sal.** 23:1. Ny Tompo mahery tsitoha, mpiady mahery, **Sal.** 24:8. Jehovah Tompo no heriko, **Isa.** 12:2 (2 Ne. 22:2). Izaho Tompo no Mpamonjy anao sy Mpanavotra anao, **Isa.** 60:16. Ny Tompo Andriamanitrao no ho tompoinao **Mat.** 4:10 (Lio. 4:8). Zavatra lehibe no nataon' ny Tompo, **Mar.** 5:19. Iray ihany ny Tompo dia Jesoa Kristy, **1 Kor.** 8:6. Iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa, **Ef.** 4:5 Ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra, **1 Tes.** 4:16. Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, **1 Ne.** 3:7. Araka ny rariny no hitsaran' ny Tompo Andriamanitra ny mahantra, **2 Ne.** 30:9. Ny Tompo Andriamanitra, ny Andriamanitr' i Abrahama no nana-faka ny Isiraelita tamin' ny famatorana, **Almà** 29:11. Tsy misy na inona na inona afaka mamonjy ny vahoaka afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo, **Hel.** 13:6 (Môsîà 3:12). Henoy ny tenin' i Jesoa Kristy Tomponao, **F&F** 15:1. Tadiavo mandrakariva ny tavan' ny Tompo, **F&F** 101:38. Ny Tompo dia hanao akanjo mena amin' ny fiaviany fanindroany, **F&F** 133:48 (Isa. 63:1-4). Niresaka nifanatrika tamin' ny Tompo i Abrahama, **Abr.** 3:11. Mino isika fa ny fitsipika voalohany amin' ny filazantsara dia ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo, **Fp.** 1:4.

TOMPON' NY MARO. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Anarana iray hafa entin' i Jesoa Kristy. Manjaka amin' ny mponin' ny lanitra sy ny tany Izy, ary mitarika ny marina amin' ny fanoherana ny ratsy (**F&F** 29:9, 121:23).

Jehovah Tompon' ny Maro no Mpanjakan' ny voninahitra, **Sal.** 24:10. Ny Andriamanitr' i Isiraely, dia ny Tom-

pon' ny Maro, **1 Ne.** 20:2. Tsy hiezaka ny hiara-hiady mandrakariva amin' ny olona ny Fanahiko, hoy ny Tompon' ny Maro, **F&F** 1:33.

TONONKIRAN' I SOLOMONA

Boky ao amin' ny Testamenta Taloha. Nambaran' i Joseph Smith fa tsy asasoratra nentanin-panahy ny Tononkiran' i Solomona.

TONTOLON' NY FANAHY. *Jereo* Fiainana Talohan' ny Fiainana An-tany; Helo; Paradisa

TORIMASO

Toe-pitsaharana izay tsy anaovan-javatra sady tsy ahatsiarovan-tena. Nananatra ireo olomasiny ny Tompo tsy hatory mihoatra noho izay ilaina (**F&F** 88:124). Mety ho tandindon' ny fahafatesana ara-panahy (1 Kor. 11:30; 2 Ne. 1:13) na ny fahafatesan' ny vatana (**Môrm.** 9:13) ihany koa ny torimasos.

TORITENY TEO AN- **TENDROMBOHITRA.** *Jereo koa* Fahasambarana; Jesoa Kristy

Toriteny nataon' ny Tompo Jesoa Kristy tamin' ny mpianany talohan' ny nanirahany azy ireo (Mat. 5-7; Lio. 6:20-49). Fotoana fohy taorian' ny niantsoany ny Roambinifololahy no nanaovan' ny Tompo ilay toriteny.

Izany toriteny izany dia hazavain' ny dikan-tenin' ny Baiboly nataon' i Joseph Smith sy ny toriteny iray mitovy aminy voarakitra ao amin' ny 3 Ne. 12-14, izay maneho fa ampahany manan-danja amin' ny toriteny no very ao amin' ny fitantaran' i Matio.

TOROHEVITRA. *Jereo koa* Mpaminany

Anatra, fampitandremana, torohevitra, ary toromarika avy amin' ny Tompo sy ireo mpitondra natokany.

Homeko torohevitra ianao, **Eks.** 18:19. Hitarika ahy amin' ny toroheviny Andriamanitra, **Sal.** 73:24. Rehefa tsy misy torohevitra omena, dia lavo ny vahoaka, **Ohab.** 11:14. Nolavin' ny

Fariseo sy ny mpahay lalàna ny torohevitr' Andriamanitra, **Lio.** 7:30. Tsara ny mahay raha henoiny ny torohevitr' Andriamanitra, **2 Ne.** 9:29. Henoy ny torohevitr' ilay efa nanokana anareo, **F&F** 78:2. Raiso ny torohevitra avy amin' ilay efa notendreko, **F&F** 108:1. Te hampanjaka ny toroheviny izy toy izay ny torohevitra izay efa notapahiko, **F&F** 124:84. Henoy ny torohevitr' i Joseph mpanompoko, **F&F** 124:89. Raha misy olona tsy mikatsaka ny torohevitra, dia tsy hanana hery izy, **F&F** 136:19.

TRANO FITEHIRIZANA. *Jereo koa*

Asa Fanasoavana

Toerana izay andraisan' ny eveka sy itantanany ary izarany amin' ny mahantra ireo fanomezana natokan' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ny trano fitehirizana tsirairay dia mety ho lehibe na kely araka izay takian' ny zava-misy. Ny Olomasina mahatoky dia manome ny eveka talenta, fahaiza-manao, fitaovana, ary vola mba hikarakaràna ny mahantra amin' ny fotoan-tsarotra. Koa ny trano fitehirizana dia mety ahitana ny lisitr' ireo fanampiana, vola, sakafo, na zavatra ilaina hafa. Ny eveka no mpiandraikitra ny trano fitehirizana ary mizara ny entana sy ny fanampiana araka izay ilaina sy araka ny fitarihan' ny Fanahin' ny Tompo (**F&F** 42:29–36; 82:14–19).

Aoka izy ireo hanangona ny hanina rehetra hotehirizina ho amin' ny fitaona mosarena, **Gen.** 41:34–36, 46–57. Entonareo ny fahafolonkarena rehetra ho ao amin' ny trano fitehirizana, **Mal.** 3:10 (3 Ne. 24:10). Aoka ny eveka hanisy trano fitehirizana ho an' ity Fiangonana ity, **F&F** 51:13. Ny mihoatra noho ny ilaina dia tokony homena ho an' ny trano fitehirizako, **F&F** 70:7–8. Tokony hanangana sy hanorina trano fitehirizana ny Olomasina, **F&F** 78:1–4. Ny ankizy dia manana zo amin' ny trano fitehirizan' ny Tompo, raha tsy manana ny ray aman-dreniny, **F&F** 83:5.

TRANOMAIZIN' NY FANAHY.

Jereo Helo

TRANON' NY TOMPO. *Jereo*

Tempoly, Tranon' ny Tompo

TROSA. *Jereo koa Mamela*

Araka ny ampiasana azy ao amin' ny soratra masina, dia vola na fananana honerana amin' ny olona iray hafa ka mahatonga ny mpisambotra ho toy ny voafatotra. Amin' ny heviny iray hafa, Jesoa dia nampianatra fa tokony hangataka ny Ray isika hamela ny trosantsika na hanafaka antsika amin' ny fandoa-vana ny vidin' ny fahotantsika—amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy—rehafa navelantsika ny heloka vitan' ny hafa tamintsika (**Mat.** 6:12; 3 Ne. 13:11).

Misambotra ny ratsy fanahy nefa tsy manonitra, **Sal.** 37:21. Ny mpisambotra dia mpanompon' ny mpampisambotra, **Ohab.** 22:7. Efa nafaiko ny trosanao rehetra; moa tsy tokony mba ho nangoraka va ianao? **Mat.** 18:23–35. Aza avela hisy tsy voaloka na amin' iza na amin' iza afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany, **Rom.** 13:8. Raiki-trosa madrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra ianareo, **Môsià** 2:21–24, 34. Na zovy na zovy no mindrana amin' ny namany dia tokony hamerina ny zavatra indraminy, **Môsià** 4:28. Aloavy ny trosa, afaho ny tenanao hiala amin' ny fatora-na, **F&F** 19:35. Voarara ny mandraikitra trosa amin' ny fahavalonao, **F&F** 64:27. Aloavy avokoa ny trosanareo, **F&F** 104:78. Aza midi-trosa amin' ny fananganana ny tranon' ny Tompo, **F&F** 115:13.

TSAHO. *Jereo koa Fifosana;*

Fitenenan-dratsy;

Satana dia manely tsaho sy fifandirana—izay indraindray miorina amin' ny marina ny ampahany mba hitarihana ny olona hiodina amin' Andriamanitra sy amin' ny zavatra rehetra (**Hel.** 16:22; **JS—T** 1:1). Iray amin' ny famantarana ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany ny firesahan' ny olona ady sy filazana ady (**Mat.** 24:6; **F&F** 45:26; **JS—M** 1:23).

TSANGANTANANA. *Jereo*
Faneken' ny Rehetra

TSATÒKA

Iray amin' ireo rafi-pandaminana sy fitantanana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ny tsatòka dia fitambarana paroasy na sampana maromaro. Mandrakotra faritra voafetra mazava izany, ary mifanaraka amin' ny sarin' ny lay voalaza ao amin' ny Isaia 54:2: "halavao ny kofehinao, ary aoreno mafy ny tsatokanao." Ny tsatòka tsirairay ao Ziona dia manohana sy manampy amin' ny fijoroan' ny Fiangonana, tahaka ny ampijoroan' ny tsatòka ny lay na ny tabernakely. Ny tsatòka dia toeram-panangonana ho an' ny sisa tavela amin' ny Isiraely naely patrana (F&F 82:13-14; 101:17-21).

Hamafiso ny tsatòkanao ary halalaho ny sisin-taninao, **Môrô.** 10:31 (F&F 82:14). Manendre tsatòka hafa ho an' i Ziona ankoatra ity anankiray ity, **F&F** 109:59. Mba hahatonga ny fiarahamivondrona eo amin' ny tanin' i Ziona sy eo amin' ny tsatòkany ho fiarovana, **F&F** 115:6 (F&F 101:21). Ary koa ny hanendrena ireo toerana hafa ho tsatòka, **F&F** 115:18. Napetraka ny filohan' ny kôlejin' ny mpisorona avo mba hahaleo hahalasana ireo izay hotendrena ho filohan' ny tsatòka, **F&F** 124:133-134. Mandehana ianareo mankany amin' ny tanin' i Ziona, mba ho azo hamafisina ny tsatòkany, **F&F** 133:9.

TSIKOMBAKOMBA MIAFINA.

Jereo koa Jirik' i Gadiantôna; Kaina

Vondron' olona mifamatotra amin' ny fianjanana mba hanatanterahana ny tanjona ratsy izay kendreny.

Ny rain' ny lainga dia mamporisika ny zanak' olombelona ho amin' ny tsikombakomba miafina, **2 Ne.** 9:9. Tsy maintsy ilaina ny handravana ny asa manginginan' ny maizina, **2 Ne.** 10:15. Ny famalian' Andriamanitra dia tonga tamin' ireo mpiasan' ny tsikombakomba miafina ireo, **Almà** 37:30. I

Gadiantôna dia saika hanaporofa ny famongorana tanteraka ny vahoakan' i Nefia, **Hel.** 2:4-13. Apetrak' i Satana ao am-pon' ny olona ny hanao fianjanana sy fanekempihavanana miafina, **Hel.** 6:21-31. Tsy miasa ao amin' ny tsikombakomba miafina ny Tompo, **Ete.** 8:19. Na zovy na zovy firenena manohana tsikombakomba miafina dia horavana, **Ete.** 8:22-23. Notsipahiny ny teny rehetra notenenin' ireo mpaminany, noho ny fikambanany miafina, **Ete.** 11:22. Hatramin' ny andron' i Kaina, dia nisy ny tsikombakomba miafina, **Mos.** 5:51.

TSIMPARIFARY

Ahitra na voa misy poizina izay mitovy endrika amin' ny varimbazaha. Tsy hay avahana amin' ny varimbazaha izy raha tsy efa vokatra tanteraka (Mat. 13:24-30; F&F 86:1-7).

TSITOA. *Jereo koa* Andriamanitra

Ny toetran' Andriamanitra manana ny hery rehetra (Gen. 18:14; Almà 26:35; F&F 19:1-3).

TSODRANON' NY PATRIARIKA.

Jereo koa Evanjelista; Patriarika;
Ray, Mety Maty

Fitahiana omena ireo mpikambana mendrika ao amin' ny Fiangonana amin' ny alalan' ny patriarika voatokana. Ny tsodranon' ny patriarika dia mirakitra ny torohevitra ny Tompo ho an' ny olona izay mandray ny tsodrano, ary koa manambara ny firazanany ao amin' ny mpianakavin' i Isiraely. Afaka manome tsodrano manokana ny ray amin' ny maha-patriariky ny ankohonany azy, saingy tsy raketina na tehirizin' ny Fiangonana izany.

Nahinjitr' i Isiraely ny tanany ankavanana ka napetrany tamin' ny lohan' i Efraima, **Gen.** 48:14. Nitsodrano ireo zanany sy ny taranany i Jakoba, **Gen.** 49. Nitsodrano ny taranany i Lehia, **2 Ne.** 4:3-11.

TSOFINA RANO. *Jereo* Fitahiana

TSY AN' ANDRIAMANITRA. *Jereo koa* Fahalotoana; Faharatsiana; Fahotana; Tsy Fahamarinana

Olona na Zavatra izay tsy mifanaraka amin' ny sitrapo na ny didin' Andriamanitra; ratsy fanahy sy tsy masina.

Ny lalan' ny ratsy fanahy dia mankany amin' ny fahaverezana, **Sal.** 1:6. Ary raha saiky tsy voavonjy ny marina, aiza no hisehoan' ny ratsy fanahy? **1 Pet.** 4:18. Aoka holavin' ny tenanareo ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra, **Môrô.** 10:32. Avy faingana tokoa amin' ireo izay tsy an' Andriamanitra ny famaliana, **F&F** 97:22. Ary tany anivon' ireo tsy an' Andriamanitra no tsy nanandratana ny feony, **F&F** 138:20.

TSY FAHAFATESANA. *Jereo koa* Famonjena; Fitsanganana amin' ny Maty; Jesoa Kristy; Mety Maty; Sorompanavotana

Ny toetry ny olona natsangana tamin' ny maty ka velona mandrakizay, tsy fehezin' ny fahafatesan' ny vatana.

Efa nitsangana Izy, **Mar.** 16:6. Tahaka izany koa no ahaveloman' ny olona rehetra ao amin' i Kristy, **1 Kor.** 15:22. Voatelina ny fahafatesana rehefa mitafy ny tsy fahafatesana ity mety maty ity, **1 Kor.** 15:53–54. Efa nanafoana ny fahafatesana i Kristy ary nitondra ny tsy fahafatesana; **2 Tim.** 1:10. Ny tsy fahafatesana dia ny famerenana indray ny fanahy amin' ny vatana, **2 Ne.** 9:13. Ny fanahy mikambana amin' ny vatana dia zary tsy mety maty ka tsy misaraka na oviana na oviana intsony, **Almà** 11:45. Ny mahatoky dia hampisatrohana amin' ny satroboninahitry ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay, **F&F** 75:5. Hohamasinina ary tsy ho mety maty ny tany, **F&F** 77:1 (**F&F** 130:9). Ny asa sy ny voninahitr' Andriamanitra dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39.

TSY FAHAMARINANA. *Jereo koa* Fahalotoana; Fahamarinana; Faharatsiana; Fahotana; Tsy an' Andriamanitra

Ratsy fanahy, tsy marina; olona izay tsy tia an' Andriamanitra na ny zavatra' Andriamanitra sady tsy manohana ny asany.

Ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra, **1 Kor.** 6:9–10. Hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina, **2 Tes.** 2:12. Afaka manadio antsika ho afaka amin' ny tsy fahamarinana rehetra i Jesoa Kristy, **1 Jn.** 1:9. Avilivilin' ny mpanjaka tsy marina iray ny lalan' ny fahamarinana rehetra, **Môsià** 29:23. Ny fanorenana ny faharavana dia manomboka alatsaka noho ny tsy fahamarinan' ny mpahay lalàna sy ny mpitsara, **Almà** 10:27. Izaho maniraka anareo handevilevy izao tontolo izao noho ny asany tsy marina rehetra, **F&F** 84:87. Ilaina ho voadio amin' ny tsy fahamarinana rehetra ny fanahy, **F&F** 88:17–18. Toetra sy efa saika fomban' ny olon-drehetra ny manomboka mampihatra fitondrana tsy marina, **F&F** 121:39.

TSY FANANAN-TSINY. *Jereo Tsy* Manan-tsiny

TSY FINOANA. *Jereo koa* Finoana

Tsy fahampian' ny finoana an' Andriamanitra sy ny filazantsarany.

Ary tsy nanao asa lehibe maro teo Izy noho ny tsy finoan' ireo, **Mat.** 13:58. Tsy nahavoaka ny demonia ny mpiatrat' i Jesoa noho ny fahakelezan' ny finoan' izy ireo, **Mat.** 17:14–21. Vonjeo aho ho afaka amin' ny tsy finoako, **Mar.** 9:23–24. Nanome tsiny ny Apostoliny i Jesoa noho ny tsy finoany sy ny hamafin' ny fony, **Mar.** 16:14. Moa ny tsy finoany hahafaoana ny fahamarinan' Andriamanitra? **Rom.** 3:3. Tsaratsara kokoa ny hahafatesan' ny olona iray toy izay ny firenena no hihemotra ka ho faty ao amin' ny tsy finoana, **1 Ne.** 4:13. Raha avy ny fotoana izay hihemorany ao amin' ny tsy finoana dia hataony ny hampielezana sy hikapohana azy, **2 Ne.** 1:10–11 (**F&F** 3:18). Noho ny tsy finoany, dia tsy nety nahatakatra ny tenin' Andriamanitra izy, **Môsià** 26:1–5. Tsy afaka naneho fahagagana

lehibe tokoa tamin' ny Jiosy Aho, noho ny tsy finoany, **3 Ne.** 19:35. Ny saina-reo dia nohamaizinina taloha noho ny tsy finoana, **F&F** 84:54–58.

TSY MADIO. *Jereo* Madio sy Tsy Madio

TSY MANAM-PIAFARANA. *Jereo* *koa* Andriamanitra

Anankiray amin' ireo anaran' Andriamanitra, izay milaza ny toetra mahamandrakizay Azy (**F&F** 19:10–12; **Mos.** 1:3; 7:35).

TSY MANAN-TSINY

Tsy manana hadisoana na tsy manam-pahotana.

Talohan' ny fahalavoana, dia tao amin' ny toetry ny tsy fananan-tsiny i Adama sy i Eva, **2 Ne.** 2:23. Ny ran' ny tsy manan-tsiny dia hijoro ho toy ny vavolombelona, **Almà** 14:11. Ny fana-hin' ny olona rehetra dia tsy nanan-tsiny tany am-piandohana. **F&F** 93:38. Tsy tokony hohelohina miaraka amin' ny tsy marina ny tsy manan-tsiny, **F&F** 104:7. Madio amin' izay tsy mety ho meloka rehetra i Joseph sy i Hyrum

Smith, **F&F** 135:6–7. Tsy manan-tsiny ny ankizy hatry ny fanorenana ny tany, **Mos.** 6:54

TSY MARINA. *Jereo* Tsy Fahamarinana

TSY MASINA. *Jereo* Tsy an' Andriamanitra

TSY METY MATY. *Jereo* Tsy Fahafatesana

VADY. *Jereo* Fanambadiana; Fianakaviana

VALIFATY. *Jereo* *koa* Fandrafiana

Famerenana na famaliana ratra na fanafintohinana.

Ny Andriamanitrareo dia ho avy mitondra famaliana, **Isa.** 35:4. Ahy ny famaliana, izaho no hamaly, **Rom.** 12:19 (**Môrm.** 3:15; 8:20). Mihantona eo amboninareo ny sabatry ny valifaty, **Môrm.** 8:40–41. Hamaly faty amin' ny olon-dratsy Aho, satria tsy te hibe-baka izy, **F&F** 29:17. Tonga amin' ny andron' ny faharatsiana sy ny valifaty ny Mpamonjy, **Mos.** 7:45–46.

VANIM-POTOANA

Ireto vanim-potoana na lisitry ny toe-javatra manaraka ireto dia tsy feno ary tsy natao afa-tsy ny hahazoan' ny mpamaky sary an-tsaina ny fifandimbiasan' ireo toe-javatra tamin' ny fotoan' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna:

Toe-javatra tamin' ny andron' ireo patriarika voalohany: (Noho ny mahasaro-tra ny famaritana ny daty marina nitrangan' ny toe-javatra eo amin' ity fizarana ity, dia tsy omena ny daty.)

Talohan' i j.k.

4000 Lavo i Adama.

Nanompo i Enoka.

Nanompo i Noa; safotry ny rano ny tany.

Natsangana ny Tilikambon' i Babela; nandeha nankany amin' ny tany nampanantenaina ny Jarèdita.

Nanompo i Melkizedeka.

Maty i Noa.

Teraka i Abrama (Abrahama).

Teraka i Isaka.

Teraka i Jakoba.

Teraka i Josefa.

Namidy tany Egypta i Josefa.

Niseho teo anoloan' i Farao i Josefa.

Nandeha nidina tany Egipta i Jakoba (i Isiraely) sy ny ankohonany.
 Maty i Jakoba (i Isiraely).
 Maty i Josefa.
 Teraka i Mosesy.
 Nitarika ny zanak' i Isiraely hivoaka an' i Egipta i Mosesy (ny Eksodosy).
 Nafindra i Mosesy.
 Maty i Josoa.
 Taorian' ny nahafatesan' i Josoa dia niandoha ny fotoan' ny mpitsara, ka i
 Otniela no mpitsara voalohany ary i Samoela no farany; ny filahatr' ireo
 hafa mbamin' ny daty dia tena tsy azo antoka.
 Voahosotra ho mpanjaka i Saoly.

Toe-javatra tao amin' ny Fanjakana Tokan' i Isiraely:

- 1095 Nanomboka ny fitondran' i Saoly.
 1063 Nohosoran' i Samoela ho mpanjaka i Davida.
 1055 Tonga mpanjaka tao Hebrona i Davida.
 1047 Tonga mpanjaka tao Jerosalema i Davida; Naminany i Natana sy i Gada.
 1015 Tonga mpanjakan' i Isiraely manontolo i Solomona.
 991 Vita ny tempoly.
 975 Maty i Solomona; nikomy tamin' i Rehoboama zanakalahiny ireo foko folo
 tany avaratra ka dia nizarazara i Isiraely.

***Toe-javatra tao
Isiraely:***

- 975 Jeroboama no
mpanjakan' i
Isiraely.
 875 Tao Samaria no
nanapahan' i
Ahaba tamin' i
Isiraely avaratra;
naminany i Elia.
 851 Nanao fahagagana
lehibe i Elisa.
 792 Naminany i Amosa.
 790 Naminany i Jona sy
i Hosea.

Toe-javatra tao Joda:

- 949 Nambabo an' i
Jerosalema i Sisaka
mpanjakan' i Egipta.
 740 Nanomboka naminany
i Isaia (Naorina i
Roma; Nabonasara no
mpanjakan' i Babylona
tamin' ny taona 747;
Tiglato-pilesara III no
mpanjakan' i Asiria
hatramin' ny taona 747
ka hatramin' ny taona
734).
 728 Hezekia no
mpanjakan' i Joda.
(Salmanesera IV no
mpanjakan' i Asiria).

***Toe-javatra teo amin'
ny Tantaran' ny Bokin'
i Môrmôna:***

*Toe-javatra tao
Isiraely:*721 Fongana ny
FanjakanaAvaratra; nentina
ho babo ny
foko folo;
naminany i Mika.*Toe-javatra tao Joda:*642 Naminany i Nahoma.
628 Naminany i Jeremia sy
i Zefania.609 Naminany i Obadia;
Nentina ho babo tany
Babylona i Daniela
(Nianjera i Ninive
tamin' ny taona 606;
Nebokadneza no
mpanjakan' i Babylona
hatramin' ny taona 604
ka hatramin' ny taona
561).598 Naminany tao
Babylona i Ezekia;
naminany i Habakoka;
i Zedekia no
mpanjakan' i Joda.587 Nambabo an' i
Jerosalema i
Nebokadneza.*Toe-javatra teo amin'
ny Tantaran' ny Bokin'
i Môrmôna:*600 Nandao an' i
Jerosalema i Lehia.588 Niala tao
Jerosalema i
Mioleka mba ho
any amin' ny tany
nampanantenaina.588 Nisaraka tamin' ny
Lamanita ny Nefita
(teo anelanelan' ny
taona 588 sy 570).*Toe-javatra teo amin' ny Tantaran'
ny Jiosy:*537 Nanapaka i Kirosoy fa afaka
miverina miala an' i Babylona ny
Jiosy ho any amin' ny tanin' i
Isiraely.

520 Naminany i Hagay sy i Zakaria.

486 Niaina i Estera.

458 Nomem-pahefana i Ezra hanao
fanovana.444 Voatendry ho governoran' i
Jodia i Nehemia.

432 Naminany i Malakia.

*Toe-javatra teo amin' ny Tantaran'
ny Bokin' i Môrmôna:*

400 Nandray ireo takelaka i Jarôma.

360 Nandray ireo takelaka i Ômnia.

332 Nahafaka an' i Syria sy i Egipta i
Aleksandra Lehibe.

323 Maty i Aleksandra.

277 Natomboka ny fandikana ny
soratra masina Jiosy ho amin' ny
fiteny Grika.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Jiosy:

- 167 Nikomy tamin' i Syria i Matatiasy ilay Makabeo.
 166 Tonga mpitondra ny Jiosy i Jodasy Makabeo.
 165 Voadio ny Tempoly ary natokana indray; nanomboka ny Hanoka (fetin' ny fahazavana).
 161 Maty i Jodasy Makabeo.

- 63 Nahafaka an' i Jerosalema i Pompey ary niafara tany Isiraely ny fanapahan' i Makabeo.
 51 Nanjaka i Kleôpatra.
 41 Natao mpiara-manapaka amin' i Jodia i Herodasy i Fazaela.
 37 Tonga mpitondra tao Jerosalema i Heroda.
 31 Raikitra ny adin' i Aktioma; Aogostô no amperora tao Roma hatramin' ny 31 talohan' i J.K. ka hatramin' ny 14 taorian' i J.K.
 30 Maty i Kleôpatra.
 17 Nohavaozin' i Heroda ny tempoly.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Kristiana:

- Taorian' i J.K.
 Nahaterahan' i Kristy.
 30 Nanomboka ny asa fanompoan' i Kristy.
 33 Nohomboana i Kristy.
 35 Niova fo i Paoly.
 45 Nanao ny diany voalohany amin' ny asa fitoriana i Paoly.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Bokin' i Môrmôna:

- 148 Maty maritiora i Abinadia; naorin' i Almà indray teo anivon' ny Nefita ny Fiangonana.
 124 Nanao ny lahateniny farany tamin' ny Nefita i Benjamina.
 100 Nanomboka ny asany i Almà zanany sy ireo zanakalahin' i Môsià.
 91 Nanomboka ny fitondran' ny mpitsara teo anivon' ny Nefita.

- 6 Naminany ny amin' ny fahaterahan' i Kristy i Samoela ilay Lamanita.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Bokin' i Môrmôna:

Taorian' i J.K.

- 33 na 34
 Niseho tany Amerika i Kristy nitsangana tamin' ny maty.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Kristiana:

- 58 Nalefa tany Roma i Paoly.
 61 Nifarana ny tantaran' ny Asan' ny Apostoly.
 62 May i Roma; nenjehina ny Kristiana tamin' ny nanjakan' i Nero.
 70 Nisintona tao Pela ny Kristiana; natao fahirano i Jerosalema ary babo.
 95 Nenjehin' i Domitiana ny Kristiana.

Toe-javatra teo amin' ny Tantaran' ny Bokin' i Môrmôna:

- 385 Fongana ny firenena Nefita.
 421 Nafenin' i Môrônia ireo takelaka.

VATANA. *Jereo koa* Fahafatesan' ny Vatana; Fanahy (Fitambaran' ny Vatana sy ny Fanahy); Fitsanganana amin' ny Maty; Mety Maty

Rafi-batan' ny nofo sy ny taolana mety maty, nohariana araka ny endrik' Andriamanitra ka natambatra tamin' ny fanahy mba ho tonga olombelona. Ny vatan' ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia hakambana mandrakizay amin' ny fanahiny amin' ny fitsanganana amin' ny maty. Indraindray ny soratra masina dia manondro ny vatana sy ny fanahy tafatambatra ho toy ny fanahy (Gen. 2:7; F&F 88:15; Mos. 3:7, 9, 19; Abr. 5:7).

Ary vovo-tany no namoronan' ny Tompo Andriamanitra ny olona, **Gen.** 2:7 (Mos. 3:7). Tsapao ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, **Lio.** 24:39. Fa asiako mafy ny tenako ka andevoziko, **1 Kor.** 9:27. Misy ny tena araka ny fomban' aina ary misy ny tena araka ny fombam-panahy, **1 Kor.** 15:44. Fa maty ny tena raha tsy misy fanahy, **Jak.** 2:26. Ny vatana mety maty dia hatsangana ho vatana tsy mety maty, **Almà** 11:43–45. Ny rantsam-batana tsirairay dia haverina amin' ny laoniny, **Almà** 41:2. Nasehon' i Jesoa ny Nefita ny vatany natsangana tamin' ny maty, **3 Ne.** 10:18–19; 11:13–15. Ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana, azo tsapaina toy ny an' ny olona;

toy izany koa ny Zanaka, **F&F** 130:22. Andriamanitra dia nahary lahy sy vavy araka ny endriky ny vatany, **Mos.** 6:9 (Gen. 9:6).

VATO FEHIZORO. *Jereo koa* Jesoa Kristy

Vato fototra eo amin' ny zoron' ny farenenana trano. Jesoa Kristy dia atao hoe: Vato fehizoro indrindra, (**Ef.** 2:20)

Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano no efa tonga fehizoro indrindra, **Sal.** 118:22 (Mat. 21:42–44; Mar. 12:10; Lio. 20:17; Asa 4:10–12). Notsipahin' ny Jiosy ny vato fehizoro, **Jkb.** 4:15–17.

VATOLAMPY. *Jereo koa*

Fanambarana; Filazantsara; Jesoa Kristy

Enti-maneho an' i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany izay fototra sy andry mafy orina (**F&F** 11:24; 33:12–13). Ny *vatolampy* dia mety koa maneho fanambarana izay entin' Andriamanitra mampahafantatra ny filazantsarany amin' ny olona (Mat. 16:15–18).

Izy no vatolampy, tanteraka ny asany, **Deot.** 32:4. Andriamanitra no vatolampiko, Izy no ialofako, **2 Sam.** 22:2–3. Nisy vato voaendaka nefa tsy nendahan-tanana, **Dan.** 2:34–35. Naorina teo ambonin' ny vatolampy izany, **Mat.** 7:25 (3 Ne. 14:25). Jesoa Kristy no vato izay nolavina, **Asa** 4:10–11. I Kristy izany vatolampy

izany, **1 Kor.** 10:1–4 (Eks. 17:6). Izay miorina eo ambonny vatolampy dia mandray ny fahamarinana, **2 Ne.** 28:28. Nolavin' ny Jiosy ny vato [Kristy] izay hahafahany manorina eo amboniny, **Jkb.** 4:15–17. Eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika no tsy maintsy anorenantsika ny fototra, **Hel.** 5:12. Na zovy na zovy no manorina eo amin' ny fotopampianaran' i Kristy dia manorina eo ambonin' ny vatolampiny, ary tsy hianjera izy rehefa tonga ny safo-drano, **3 Ne.** 11:39–40 (Mat. 7:24–27; 3 Ne. 18:12–13). Ny lehilahy malina manorina ny tranony eo amin' ny vatolampy, **3 Ne.** 14:24. Raha miorina amin' ny vatolampiko ianareo, dia tsy afaka mandresy ny tany sy ny helo, **F&F** 6:34. Izay manorina eo ambonin' ity vatolampy ity dia tsy hianjera na oviana na oviana, **F&F** 50:44. Izaho no Mesia, ny Mpanjakan' i Ziona, ny Vatolampin' ny lanitra, **Mos.** 7:53.

VAVAKA. *Jereo koa* Amena;
Fitsaohana; Mangataka;
Misaintsaina

Fifandraisana ombam-panajana amin' Andriamanitra, ka mandritra izany no isaoran' ny olona sy angatahany fitahiana. Avantana amin' ny Raintsika any an-danitra amin' ny anaran' i Jesoa Kristy ny vavaka. Azo tononina mafy na atao amim-pahanginana ny vavaka. Mety ho vavaka ihany koa ny eritreritry ny olona iray raha toa izany miantefa any amin' Andriamanitra. Ny hiran' ny olo-marina dia mety ho vavaka amin' Andriamanitra (**F&F** 25:12).

Ny tanjon' ny vavaka dia tsy hanova ny sitrapon' Andriamanitra, fa ny hahazoantsika sy ny hafa ireo fitahiana izay efa tian' Andriamanitra homena, saingy tsy maintsy angatahina vao azontsika.

Mivavaka amin' ny Ray amin' ny anaran' i Kristy isika (Jao. 14:13–14; 16:23–24). Mahay mivavaka marina amin' ny anaran' i Kristy isika rehefa ny fanirian' i Kristy no faniriantika

(Jao. 15:7; **F&F** 46:30). Amin' izany dia ny zavatra marina, ka azon' Andriamanitra omena antsika no angatahantsika (3 Ne. 18:20). Tsy ahazoambaliny ny vavaka sasany noho izy ireny tsy maneho ny fanirian' i Kristy fa vokatry ny fitiavan-tenan' ny olona fotsiny (Jak. 4:3; **F&F** 46:9). Koa raha mangataka zava-tsy marina amin' Andriamanitra isika dia hivadika ho fanamelohana ho antsika izany (**F&F** 88:65).

Tamin' izany no vao niantsoan' ny olona ny anaran' ny Tompo, **Gen.** 4:26. Niantso ny anaran' ny Tompo teo amin' ny tany izay nisy ilay alitara i Abrahama, **Gen.** 13:4. Ny mpanompon' i Abrahama dia nivavaka mba hahazo fanampiana amin' ny fitadiavana vady ho an' i Isaka, **Gen.** 24:10–19. Ary ny amiko, sanatria raha hanota amin' ny Tompo aho ka hitsahatra tsy hangataka ho anareo, **1 Sam.** 12:23. Henoin' ny Tompo ny fivavaky ny marina, **Ohab.** 15:29. Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin' ny fonareo rehetra, **Jer.** 29:12–13. Mivavaha ho an' izay manenjika anareo, **Mat.** 5:44 (Lio. 6:28; 3 Ne. 12:44). Mivavaha amin' ny Rainao, izay mahita ao amin' ny mangingina, **Mat.** 6:5–8 (3 Ne. 13:5–8). Koa amin' izany mivavaha toy izao hianareo, **Mat.** 6:9–13 (Lio. 11:2; 3 Ne. 13:9). Mangataka, dia homena ianareo, **Mat.** 7:7 (3 Ne. 14:7; **F&F** 4:7; 6:5; 66:9). Niakatra tao an-tendrombohitra i Jesoa mba hitokana hivavaka, **Mat.** 14:23. Miareta tory sy mivavaha hianareo, mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy, **Mat.** 26:41 (Mar. 14:38; 3 Ne. 18:15–18; **F&F** 31:12). Aoka izy hangataka Amiko amin' ny finoana tsy mihanahana, **Jak.** 1:5–6 (**F&F** 42:68; 46:7). Ny fiasan' ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra, **Jak.** 5:16. Mihainoa ny Fanahy izay mampianatra ny olona hivavaka, **2 Ne.** 32:8–9. Nitalaho taminy sady nahery nivavaka aho, **Enô.** 1:4. Efa nifady hanina sy nivavaka andro maro aho, **Almà** 5:45–46 (**Almà** 26:22). Efa

nanokan-tena ho amin' ny fivavahana fatratra sy ny fifadiankanina izy ireo, **Almà** 17:3. Moa tsaroanareo ve ny efa namakianareo izay efa nolazain' i Zenôsa momba ny vavaka na ny fitsaohana? **Almà** 33:3. Manetre tena ianareo, ary tohizo ny fivavahana, **Almà** 34:18–27. Milà hevitra amin' ny Tompo amin' ny ataonao rehetra, **Almà** 37:37. Tsy maintsy mivavaka mandrakariva amin' ny Ray amin' ny anarako ianareo, **3 Ne.** 18:19–20. Mivavaha ao amin' ny fianakavianareo, **3 Ne.** 18:21. Nivavaka tamin' ny Ray i Jesoa, **3 Ne.** 19:31–34 (Jao. 17; **3 Ne.** 18:16). Nandidy azy ireo Izy ny tsy hitsaharany mivavaka ao ampony, **3 Ne.** 20:1. Raha mivavaka izy ary tsy manao izany amin' ny finiavana marina, dia tsy mahaso azy na amin' inona na amin' inona izany, **Môrô.** 7:6–9. Aza mangataka izay tsy tokony hangatahinao, **F&F** 8:10. Mivavaha mandrakariva mba hahazoanao mivoaka ho mpandresy, **F&F** 10:5. Mandidy anao Aho ny hivavahanao amim-peo avo, ary koa anakampo, **F&F** 19:28. Homena anareo ny Fanahy amin' ny fivavaky ny finoana, **F&F** 42:14. Mandehana ho any amin' ny trano fivavahana ary atero ny fanatipisaoranao, **F&F** 59:9 (Mat. 21:13). Tokony hampianatra ny zanany hivavaka ny ray aman-dreny, **F&F** 68:28. Nitaredretra tamin' ny fihainoana ny fivavany ny Tompo Andriamaniny, **F&F** 101:7–8 (**Môsià** 21:15). Aoka ianao hanetry tena; ary ny Tompo Andriamanitrao hanome anao ny valin' ny fivavakao, **F&F** 112:10. Nodidina hiantso an' Andriamanitra amin' ny anaran' ny Zanaka i Adama, **Mos.** 5:8. Niseho tamin' i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka ho valin' ny vavaka nataony, **JS—T** 1:11–20.

VAVAKY NY TOMPO. *Jereo koa*

Vavaka

Vavaka nataon' ny Tompo ho an' ny mpianany ary ampiasaina ho fakan-tahaka ho an' ny vavaka rehetra (Mat. 6:9–13; **3 Ne.** 13:9–13).

VAVOLOMBELON' NY BOKIN' I MÔRMÔNA. *Jereo koa* Bokin' i Môrmôna; Vavolombelona

Nandidy olon-kafa ankoatra ny mpaminany Joseph Smith ny Tompo ho vavolombelona manambara ny maha-avy amin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna (**F&F** 17; 128:20). Jereo ny Fanambaran' ireo vavolombelona ao amin' ny “Teny fanolorana” ao amin' ny fanombohan' ny Bokin' i Môrmôna.

Koa amin' ny tenin' ny vavolombelona telo no hampiorenao ny teniko, **2 Ne.** 11:3. Vavolombelona hanambara ny teniny amin' ny zanak' olombelona, **2 Ne.** 27:12–13. Ary amin' ny vavan' ny vavolombelona telo no hampiore-nana ireo zavatra ireo, **Ete.** 5:4. Amin' ny finoana no hahitan' ireo vavolombelona telo ny takelaka, **F&F** 17.

VAVOLOMBELONA. *Jereo koa* Fijoroana ho Vavolombelona

Filazana na porofo hafa fa marina ny zavatra iray; fijoroana ho vavolombelona. Ny vavolombelona dia mety koa ho olona izay manao fanambaranana na manome porofo mifototra amin' ny fahalalany manokana, izany hoe olona mijoro ho vavolombelona.

Aza mety ho vavolombelona mandainga, **Eks.** 20:16. Hotorina amin' izao tontolo izao ity filazantsara ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra, **Mat.** 24:14 (**JS—M** 1:31). Ho vavolombeloko ianareo, **Asa** 1:8. Ny fanahy dia miara-milaza amin' ny fanahintsika, **Rom.** 8:16 (1 Jn. 5:6). Hijo-ro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra ianareo, **Môsià** 18:8–9. Mandray ny fanasan' ny Tompo isika hijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa hitandrina ny didiny ary hahatsiaro an' i Jesoa mandrakariva, **3 Ne.** 18:10–11 (**Môrô.** 4, 5; **F&F** 20:77–79). Tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo, **Ete.** 12:6. Lalàn' ny vavolombelona:

amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hanorenana ny teny rehetra, **F&F** 6:28 (Deot. 17:6; Mat. 18:16; 2 Kor. 13:1; Ete. 5:4; **F&F** 128:3). Efa nanokana anareo Aho ho Apostoly ary ho vavolombelona manokana amin' ny anarako, **F&F** 27:12 (**F&F** 107:23). Ny Fitopololaha dia antsoina koa ho vavolombelona manokana amin' ny Jentilisa sy eran' izao tontolo izao, **F&F** 107:25. Aoka hisy mpitam-boky, ary aoka izy hanatri-maso ny batisanareo, **F&F** 127:6 (**F&F** 128:2–4).

VEHIVAVY. *Jereo koa Olona*

Vehivavy lehibe, zanakavavin' Andriamanitra. Indraindray dia ampiasaina ho mari-panajana ny teny hoe *vehivavy* ao amin' ny soratra masina (Jao. 19:26; Almà 19:10).

Andriamanitra nahary ny lehilahy sy ny vehivavy, **Gen.** 1:27 (Mos. 2:27; 6:9; Abr. 4:27). Ny tomban' ny vehivavy tsara dia mihoatra lavitra noho ny voahangy, **Ohab.** 31:10–31. Ny vehivavy no voninahitry ny lehilahy, **1 Kor.** 11:7. Tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy ao amin' ny Tompo, **1 Kor.** 11:11. Ny vehivavy dia tokony hiravaka amin' ny fitafiana mahamen-drika, **1 Tim.** 2:9–10. Izaho Tompo Andriamanitra, dia finaritra amin' ny fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy, **Jak.** 2:28. Voavela ny helokao, ary ianao dia vehivavy nofinidy, **F&F** 25. Ny vehivavy dia manana zo hahazo fanohanana avy amin' ny vadiny, **F&F** 83:2.

VETAVETA. *Jereo Fahavetavetana*

VIRIJINY. *Jereo koa Maria, Renin' i Jesoa*

Lehilahy na vehivavy amin' ny taonan' ny hanambady, izay mbola tsy nanao firaisana ara-nofo na oviana na oviana. Ao amin' ny soratra masina, ny virijiny dia mety maneho olona izay madio fitondrantena (Fan. 14:4).

Hanan' anaka ny virijiny ka hiteraka zazalahy, **Isa.** 7:14 (Mat. 1:23; 2 Ne. 17:14). Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny virijiny folo, **Mat.** 25:1–13. Tao an-tanànan' i Nazareta aho dia nahatazana virijiny iray, izay renin' ny Zanak' Andriamanitra, **1 Ne.** 11:13–18. I Maria, izay virijiny, dia fanaka iray sarobidy sy nofinidy, **Almà** 7:10.

VOAFIDY (matoanteny). *Jereo koa*

Afaka; Antso, Antsoin'

Andriamanitra; Safidy

Rehefa mifantina na mifidy olona na vondron' olona ny Tompo dia mazàna antsoiny koa izy ireo mba hanompo.

Fidionareo anio izay hotompoinareo, **Jos.** 24:15 (Almà 30:8; Mos. 6:33). Efa nizaha toetra anao tao amin' ny memi-n' ny fahoriana Aho, **Isa.** 48:10 (1 Ne. 20:10). Tsy ianareo no nifidy Ahy fa Izaho no nifidy anareo, **Jao.** 15:16. Ny adala amin' izao tontolo izao no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny hendry, **1 Kor.** 1:27. Nofidiany isika fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao, **Ef.** 1:4. Afaka isika na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay na hifidy ny fahababoa-na sy ny fahafatesana, **2 Ne.** 2:27. Ireo ambony sy lehibe dia nofinidy tany am-piandohana, **F&F** 138:55–56. Nofidian' Andriamanitra i Isiraely, **Mos.** 1:26. Efa nofinidy talohan' ny nahate-rahany i Abrahama, **Abr.** 3:23.

VOAFIDY (matoanteny na anarana). *Jereo koa Antso, Antsoin' Andriamanitra*

Ireo izay nofantenan' Andriamanitra ho amin' ny andraikitra manokana.

Efa nanao fanekena tamin' ny voafidiko Aho; **Sal.** 89:3. Maro no antsoina nefa vitsy no fidina, **Mat.** 22:14 (Mat. 20:16; **F&F** 95:5; 121:34, 40). Ny Olo-masina dia taranaka voafidy, fanjakàmpisorona, **1 Pet.** 2:9. Kristy no Malala sy Voafidin' Andriamanitra hatrany am-piandohana, **Mos.** 4:2.

VOAHANGY LAFO VIDY. *Jereo*
koa Smith, Joseph, zanany;
Soratra Masina; Soratra Masina
Ankatoavin' ny Fiangonana

Oharina amin' ny "voahangy lafo vidy" ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany (Mat. 13:45-46).

Voahangy Lafo Vidy ihany koa no anarana omena ny iray amin' ireo boky efatra izay antsoina hoe "Soratra Masina ankatoavin' ny Fiangonana" i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany." Natonta tamin' ny taona 1851 ny boky nivoaka famoahana voalohany amin' ny Voahangy Lafo Vidy izay nirakitra ampahany sasany hita ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana ankehitriny. Ny boky navoaka hatramin' ny taona 1902 dia mirakitra (1) fantina avy ao amin' ny fandikan' i Joseph Smith ny Genesisy izay antsoina hoe ny bokin' i Mosesy sy an' i Matio 24, Joseph Smith—Matio; (2) Ny fandikan' i Joseph Smith papirosy Egyptiana azony tamin' ny taona 1835, izay antsoina hoe ny bokin' i Abraham; (3) fantina avy amin' ny tantaran' ny Fiangonana nataon' i Joseph Smith izay nosoratany tamin' ny taona 1838, ka antsoina hoe Joseph Smith—Tantara; ary (4) ny fiakem-pinoana izay filazana telo ambin' ny folo mikasika finoana sy fotopampianarana.

VOALOHAM-BOKATRA

Ny vokatra voalohany voangona ho an' ny tonon-taona. Natao fanatitra ho an' ny Tompo izany tamin' ny fotoan' ny Testamenta Taloha (Lev. 23:9-20). Ireo izay manaiky ny filazantsara sy maharitra hatramin' ny farany amim-pahatokiana no sary an' ohatry ny voaloham-bokatra, fa an' Andriamanitra izy ireo.

Ireo izay manaraka ny Zanakondry na aiza na aiza alehany no voaloham-bokatra ho an' Andriamanitra, **Fan.** 14:4. Ireo izay hiara-hidina amin' i Kristy no voaloham-bokatra, **F&F** 88:98.

VOALY

Teny ampiasaina ao amin' ny soratra

masina izay midika ho (1) zavatra enti-mampisaraka ireo toeran-tsami-hafa ao amin' ny tabernakely na tempoly, (2) tandindon' ny fisarahan' Andriamanitra sy ny olona, (3) voaly manify entin' ny olona anaronana ny tarehiny na ny lohany, na (4) fanadinana napetrak' Andriamanitra, izay misakana ny fahatsiarovan' ny olona mikasika ny fiainana talohan' ny nahaterahana.

Ny efitra lamba no hampisaraka ny fitoerana masina sy ny Efitra Masina Indrindra, **Eks.** 26:33. Triatra nizara roa ny efitra lamba tao amin' ny tempoly tamin' ny nanomboana an' i Kristy, **Mat.** 27:51 (Mar. 15:38; Lio. 23:45). Fa ankehitriny isika mizaha ao amin' ny fitaratra ka tsy mahita marina, fa rahatrizay dia mifanatrika, **1 Kor.** 13:12. Fa ny voaly maizin' ny tsy finoana dia efa nesorina hiala ny sainy, **Almà** 19:6. Ny rahalahin' i Jarèda dia tsy azo notanana tsy hahita ny ao anatin' ny voaly, **Ete.** 3:19 (Ete. 12:19). Horovitina ny voaly ka ho hitanareo Aho, **F&F** 67:10 (F&F 38:8). Hoesorina hiala ny voaly fandrakofana ny tempolika, **F&F** 101:23. Nesorina hiala ny sainay ny voaly, **F&F** 110:1. Ny voalin' ny haizina dia hanarona ny tany, **Mos.** 7:61.

VOAN-TSINAPY

Voan' ny hazo tsinapy. Na dia bitika aza ny voany, dia avo izaitsizy ny hazo maniry avy aminy. Noharin' i Jesoa tamin' ny voan-tsinapy ny fanjakan' Andriamanitra (Mat. 13:31).

Raha manana finoana toy ny voan-tsinapy iray aza ianareo dia afaka mamindra tendrombohitra, **Mat.** 17:20.

VOANKAZO VOARARA. *Jereo*

Edena; Fahalavoan' i Adama sy i Eva

VOASASA. *Jereo* Fanasana

VOAVOTRA. *Jereo* Fanavotana

VOLA. *Jereo koa* Fahafolonkarena;
Fanampiana; Harena; Rehak'
Izao Tontolo Izao

Vola vy na ravin-taratasy fanamarinana, na zavatra izay ampiasain' ny olona ho takalon-javatra na takalon' asa. Mariky ny firaketana amin' ny zavatra ny tany izany indraindray.

Tsy vola no hanavotana anareo, **Isa.** 52:3. Norarana tsy hitondra na kitapo, na hanina, na vola ireo Roambinifololahy rehefa handeha hitory teny **Mar.** 6:8. Niteny tamin' i Simona mpimasy i Petera fa ho very mbamin' ny tenany ny volany, **Asa** 8:20. Ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, **1 Tim.** 6:10. Koa aza mandany vola amin' izay tsy misy vidiny, **2 Ne.** 9:50–51 (**Isa.** 55:1–2; **2 Ne.** 26:25–27). Fa ho faty kosa izy raha miasa hahazoam-bola, **2 Ne.** 26:31. Nefa mialohan' ny hikatsahanareo harena, dia katsahonareo ny fanjakan' Andriamanitra, **Jkb.** 2:18–19. Hilaza ireo fiangonana fa ho voavela noho ny volanareo ny helokareo, **Môrm.** 8:32, 37. Tsy hamery ny valisoany mihitsy izay manome ny volany ho an' ny tanjon' i Ziona, **F&F** 84:89–90.

VONINAHITRA. *Jereo koa*
Ambaratongam-boninahitra;
Fahamarinana; Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy

Mazàna ao amin' ny soratra masina ny hoe voninahitra dia manondro ny fahazavan' Andriamanitra sy ny fahamarinany. Mety manondro koa ny laza izany na ny haja na ny fepetra sasany amin' ny fiainana mandrakizay na ny voninahitr' Andriamanitra.

Masina ny Tompon' ny Maro: Heniky ny voninahiny ny tany manontolo, **Isa.** 6:3 (2 **Ne.** 16:3). Isika dia ovana hanahaka izany endrika izany avy amin' ny voninahitra ho amin' ny voninahitra, **2 Kor.** 3:18. Hatsangany aho mba hiara-mitoetra aminy amim-boninahitra, **Almà** 36:28. Ireo voninahitra azo amin' ny fitsanganana amin' ny maty dia ho samihafa araka ny faha-

marinana, **F&F** 76:50–119. Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharani-tan-tsaina, **F&F** 93:36. Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona, **Mos.** 1:39. Nahita olona roa aho, izay mihaika ny fitantarana rehetra ny famirapiratanany sy ny voninahiny, **JS—T** 1:17.

VONINAHITRA SELESTIALY.

Jereo koa Ambaratongam-boninahitra; Fiainana
Mandrakizay; Fisandratana

Ny avo indrindra amin' ireo ambaratongam-boninahitra telo mety ho azon' ny olona aorian' ity fiainana ity. Any no hitoeran' ny marina, eo anatrehan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany.

Hafa ny voninahitry ny any andanitra, **1 Kor.** 15:40 (**F&F** 76:96). Nakarina ho any amin' ny lanitra fahatelo i Paoly, **2 Kor.** 12:2. Naseho tamin' ny fahitana ny voninahitra selestialy, **F&F** 76:50–70. Raha te hana-na toerana ao amin' ny tontolo selestialy ny Olomasina dia tsy maintsy miomana, **F&F** 78:7. Izay tsy afaka mandray ny lalàn' ny fanjakana selestialy dia tsy afaka hahatanty ny voninahitra selestialy, **F&F** 88:15–22. Ao amin' ny voninahitra selestialy misy lanitra telo; dia aroso etoana ireo fepetra hahazoana ny avo indrindra, **F&F** 131:1–2. Ny ankizy rehetra izay maty alohan' ny taona hahatongavana amin' ny taona maha-tompon' andraikitra azy dia voavonjy ao amin' ny fanjakana selestialy, **F&F** 137:10.

VONINAHITRA SELESTIALY.

Jereo koa Ambaratongam-boninahitra

Ny ambany indrindra amin' ireo ambaratongam-boninahitra telo izay hitoeran' ny olona aorian' ny fitsarana farany.

Hitan' i Paoly ny voninahitry ny kintana, **1 Kor.** 15:40–41. Hitan' i Joseph

Smith sy i Sidney Rigdon ny voninahitra teletialy, **F&F** 76:81–90. Tsy omby alinalina tahaka ny kintana ny mponin' ny tontolo teletialy, **F&F** 76:109–12. Izay tsy afaka ny hanaraka ny lalàn' ny fanjakana teletialy dia tsy mahatanty ny voninahitra teletialy, **F&F** 88:24, 31, 38.

VONINAHITRA TERESTRIALY.

Jereo koa Ambaratongam-boninahitra

Ny faharoa amin' ireo ambaratongam-boninahitra telo izay hitoeran' ny olona aorian' ny fitsarana farany.

Hitan' i Paoly ny voninahitra terestrialy izay noharina tamin' ny voninahitry ny volana, **1 Kor.** 15:40–41. Hitan' i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon ny voninahitra terestrialy, **F&F** 76:71–80. Ny voninahitry ny terestrialy dia manaoatra noho ny voninahitry ny teletialy, **F&F** 76:91. Izay tsy afaka ny hanaraka ny lalàn' ny fanjakana terestrialy dia tsy mahatanty ny voninahitra terestrialy, **F&F** 88:23, 30, 38.

VOROMAILALA, ENDRIKY NY.

Jereo koa Fanahy Masina

Famantarana efa voaomana mialoha izay hahafantaran' i Jaona Mpanao Batisa ny Mesia (Jao. 1:32–34). Nampianatra i Joseph Smith fa ny endriky ny voromailala dia noraiketina talohan' ny nahariana izao tontolo izao ho vavolombelon' ny Fanahy Masina; koa tsy hain' ny devoly ny ho tonga amin' ny endriky ny voromailala.

Nidina tamin' ny endriky ny voromailala ny Fanahin' Andriamanitra, **Mat.** 3:16. Rehefa vita batisa i Jesoa dia nidina tamin' ny endriky ny voromailala ny Fanahy Masina, **1 Ne.** 11:27. Izaho Jaona dia vavolombelona manambara ary indro, nisokatra ny lanitra ary ny Fanahy Masina dia nidina teo Aminy niendrika voromailala, **F&F** 93:15.

WHITMER, DAVID

Isan' ny mpitondra voalohany tao

amin' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny ary iray amin' ireo vavolombelona telo ny amin' ny maha-avay amin' Andriamanitra sy ny mahamarina ny Bokin' i Môrmôna (**F&F** 14, 17–18). Nanome azy toromarika manokana ny Tompo ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekekempihavana-na 14 sy 30:1–4.

WHITMER, JOHN

Isan' ny mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny ary iray amin' ireo vavolombelona valon' ny Bokin' i Môrmôna. Jereo “Ny tenivavolombelon' ireo vavolombelona valo” ao amin' ny pejy fampidiran' ny Bokin' i Môrmôna. Nantsoina hitory ny filazantsara koa izy (**F&F** 30:9–11).

WHITMER, PETER, ZANANY

Isan' ny mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny ary iray amin' ireo vavolombelona valon' ny Bokin' i Môrmôna. Jereo “Ny tenivavolombelon' ireo vavolombelona valo” ao amin' ny pejy fampidiran' ny Bokin' i Môrmôna. Nanome azy toromarika manokana ny Tompo ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekekempihavanana 16 sy 30:5–8.

WHITNEY, NEWEL K.

Isan' ny mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny. Eveka tao Kirtland, Ohio (Amerika) i Newel K. Whitney, ary nanompo tamin' ny maha-Eveka mpiahy tao amin' ny Fiangonana (**F&F** 72:1–8; 104; 117).

WILLIAMS, FREDERICK G.

Isan' ny mpitondra voalohany tao amin' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny, izay nanompo tamin' ny maha mpanolotsaina tao amin' ny Fia-didian' ny Fisoronana Avo (**F&F** 81; 90:6, 19; 102:3).

WOODRUFF, WILFORD. *Jereo koa*
Filazana Ôfisialy—1; Manifestô

Filoha fahefatra ny Fiangonana taorian'

ny namerenana tamin' ny laoniny ny filazantsara tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith. Teraka tamin' ny taona 1807 izy ary maty tamin' ny taona 1898.

Nantsoina hitazona andraikitra tao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy, **F&F** 118:6. Isan' ireo fanahy voafidy nomanina hivoaka amin' ny fitantanana' ny fotoam-pahafenoana, **F&F** 138:53. Nahazo fanambarana hampitsahatra ny fampakarana vady maro tao amin' ny Fiangonana, **F&F** FO—1

YOUNG, BRIGHAM

Isan' ny Apostoly voalohany tao amin' izao fotoampitantanana izao sady Filoha faharoan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Nitarika ny Olomasina niankandrefana avy any Nauvoo, Illinois, nankany amin' ny lohasahan' i Salt Lake izy ary mpamolaka tany lehibe tao Etazonia Andrefana.

Nantsoina ho Filohan' ny Apostoly Roa ambin' ny fololahy i Brigham Young, **F&F** 124:127. Noderaina noho ny asany i Brigham Young ary nafahana tamin' ny fivahiniana any an-toeran-kafa any aoriana, **F&F** 126. Natoron' ny Tompo an' i Brigham Young ny fomba handaminana ny Olomasina amin' ny diany miankandrefana, **F&F** 136. Isan' ireo nofinidy i Brigham Young tany amin' ny tontolon' ny fanahy, **F&F** 138:53.

ZAKARIA

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha izay naminany nanodidina ny 520 talohan' i J.K. Niaina tamin' ny andron' i Hagay mpaminany izy (Ezra 5:1; 6:14).

Ny bokin' i Zakaria: boky izay voamari-ka noho ny faminaniana raketiny momba ny fanompoan' i Kristy eto antany sy ny fiaviany fanindroany (Zak. 9:9; 11:12–13; 12:10; 13:6). Toko 1–8: mirakitra fahitana maro momba ny hoavin' ny vahoakan' Andriamanitra. Toko 9–14: mirakitra fahitana momba ny Mesia, ny andro farany, ny fanan-

gonana ny Isiraely, ny ady lehibe farany, ary ny fiaviany fanindroany.

ZAKARIA. *Jereo koa* Elizabeta; Jaona Mpanao Batisa

Ao amin' ny Testamenta Vaovao, ny rain' i Jaona Mpanao Batisa. Nitana ny anjara fanompoan' ny mpisorona i Zakarià ary niadidy tao amin' ny tempoly.

Nampanantena zazalahy an' i Zakarià sy i Elizabeta vadiny ny anjely Gabriela, **Lio.** 1:5–25 (**F&F** 27:7). Novahana ny lelany, **Lio.** 1:59–79. Zakarià dia novonoina teo anelanelan' ny alitara sy ny tempoly, **Mat.** 23:35 (**Lio.** 11:51).

ZANAK' ANDRIAMANITRA.

Jereo Andriamanitra; Jesoa Kristy; Olona; Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra

ZANAK' I ISIRAELY. *Jereo* Isiraely

ZANAK' I KRISTY. *Jereo koa*

Ateraka; Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra; Jesoa Kristy; Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra

Ireo izay nanaiky ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no lehibe indrindra, **Mat.** 18:1–4. Minoa ny mazava mba ho tonga zanaky ny mazava, **Ja.** 12:36. Manaisotra ilay olona araka ny nofo ary tonga tahaka ny ankizy, **Môsià** 3:19; 27:25–26. Noho ny fane-kempihavanana dia hantsoina hoe zanak' i Kristy ianareo, **Môsià** 5:7. Raha hazoninareo avokoa ny zavatra tsara, dia ho tonga zanak' i Kristy tokoa ianareo, **Môrô.** 7:19. Izay rehetra nandray Ahy dia nomeko hery ho tonga zana-ko, **F&F** 39:4. Aza matahotra rankizy madinika, fa Ahy ianareo, **F&F** 50:40–41. Ianao dia iray ato Amiko, zanak' Andriamanitra, **Mos.** 6:68.

ZANAK'OLONA. *Jereo koa* Andriamanitra; Jesoa Kristy

Anaram-boninahitra ampiasain' i Jesoa

Kristy rehefa milaza ny tenany Izy (Lio. 9:22; 21:36). Ny Zanakalahin' ilay Lehilahin' ny Fahamasinana no dikan' ny. Ny Lehilahin' ny Fahamasinana dia iray amin' ireo anaran' Andriamanitra Ray. Ny fiantsoan' i Jesoa ny tenany hoe Zanak' olona dia fanambarana ampahibemaso ny fifandraisany amin' ny Ray amin' ny maha-Andriamanitra Azy. Io anarana io dia hita matetika ao amin' ireo Filazantsara. Manamafy ny hevitra manokana sy ny fahamasinana entin' io anaran' ny Mpamonjy io ny fanambaran' ny andro farany (F&F 45:39; 49:6, 22; 58:65; Mos. 6:57).

ZANAKA. *Jereo koa* Ampamoahina, Ampamoaka; Batisan' ny Zaza; Famonjena—Famonjena ny ankizy; Fianakaviana; Sorompanavotana; Fitahiana—Fitsofan-drano ny ankizy

Zatovo izay tsy mbola tonga eo amin' ny fialantsakana. Ny ray sy ny reny dia tokony hampianatra ny zanany hankatò ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy manana ota ny zaza raha tsy efa tonga eo amin' ny taona maha-tompon' andraikitra azy (Môrô. 8:22; F&F 68:27).

Lova avy amin' ny Tompo ny zanaka, **Sal.** 127:3–5. Zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza, **Ohab.** 22:6. Avelao ny zaza, ary aza rarana tsy hanatona Ahy, **Mat.** 19:14. Maneke ny ray sy ny reninareo, **Ef.** 6:1–3 (Kol. 3:20). Raha tsy nisy ny fahalavoana, dia tsy ho nanan-janaka i Adama sy i Eva, **2 Ne.** 2:22–23. Hampianatra ny ankizy handeha amin' ny lalan' ny marina sy ny fahononam-po, **Môsià** 4:14–15. Mahazo ny fiainana mandrakizay ny ankizy madinika, **Môsià** 15:25. Nalain' i Jesoa ny ankizy madinika ary notsofiny rano, **3 Ne.** 17:21. Hampianarin' ny Tompo avokoa ny zanakao ary ho lehibe ny fiadanana' ny zanakao, **3 Ne.** 22:13 (Isa. 54:13). Tsy mila fibe-bahana na batisa ny ankizy madinika, **Môrô.** 8:8–24. Avotana amin' ny alalan' ny Lahitokako ny ankizy madinika

hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **F&F** 29:46–47. Tokony hampianatra ny zanany ireo fitsipika sy fomban' ny filazantsara ny ray aman-dreny, **F&F** 68:25, 27–28. Ny ankizy dia masina tamin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy, **F&F** 74:7. Didina ny ray aman-dreny hitaiza ny zanany amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana, **F&F** 93:40. Ny ankizy izay maty alohan' ny hahatongavany eo amin' ny taona maha-tompon' andraikitra azy dia voavonjy ao amin' ny fanjakana seles-tialy, **F&F** 137:10.

ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA.

Jereo Helamàna, Zanakalahin' i

ZANAKALAHIN' I MÔSIÀ. *Jereo*

Môsià, Zanakalahin' i

ZANAKALAHY SY ZANAKAVAVIN' ANDRIAMANITRA. *Jereo*

koa Ateraka; Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra; Olona; Sorompanavotana; Zanak' i Kristy

Mampiasa ireo teny ireo amin' ny lafiny roa ny soratra masina. Amin' ny lafiny iray dia fanahy zanaky ny Rain-tsika any an-danitra ara-bakiteny isika rehetra. Amin' ny lafiny iray hafa kosa, ny zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra dia ireo izay nateraka indray tamin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy.

Fanahy zanaky ny Ray: Andriamanitra hianareo, ary zanaky ny Avo indrindra, **Sal.** 82:6. Terak' Andriamanitra isika, **Asa** 17:29. Maneke ny Rain' ny fanahy, **Heb.** 12:9. Izaho dia zanak' Andriamanitra, **Mos.** 1:13.

Zanaka nateraka indray tamin' ny alalan' ny sorompanavotana: Izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, **Jao.** 1:12 (Rom. 8:14; 3 Ne. 9:17; F&F 11:30). Ankehitriny dia zanak' Andriamanitra isika, **1 Jn.** 3:1–2. Hantsoina hoe zanak' i Kristy ianareo, dia zanany lahy sy zanany vavy; **Môsià** 5:7. Fa ny olombelona rehetra dia tsy maintsy ateraka

indray ka tonga zanany lahy sy vavy, **Môsià** 27:25. Ary ho tonga zanako lahy sy vavy ireo, **Ete.** 3:14. Ho tonga zanak' i Kristy tokoa ianareo, **Môrô.** 7:19. Ireo rehetra izay mandray ny filazantsarako dia zanako lahy sy zanako vavy, **F&F** 25:1. Andriamanitra izy ireo, dia zanakalahin' Andriamanitra, **F&F** 76:58. Toy izany no mety hahatonga ny rehetra ho zanako, **Mos.** 6:68. Maro no nino ka tonga zanak' Andriamanitra, **Mos.** 7:1.

ZANAKONDRIN'

ANDRIAMANITRA. *Jereo koa*

Jesoa Kristy; Paska;

Sorompanavotana

Anaran' ny Mpamonjy izay manondro an' i Jesoa ho sorona fanatitra natolotra hisolo antsika.

Nentina toy ny zanakondry hovanoina Izy, **Isa.** 53:7 (**Môsià** 14:7). Indro ny Zanakondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, **Jao.** 1:29 (**Almà** 7:14). Ianareo dia navotana tamin' ny ra soan' i Kristy, toy ny ran' ny Zanakondry tsy misy kilema, **1 Pet.** 1:18–20. Mendrika ny Zanakondry izay novonoina, **Fan.** 5:12. Mandresy an' i Satana noho ny ran' ny Zanakondry isika, **Fan.** 12:11. Nofotsian' ny ran' ny Zanakondry ireo noho ny finoany Azy, **1 Ne.** 12:11. Ny Zanakondrin' Andriamanitra no Zanaky ny Ray Mandrakizay sy Mpamonjy izao tontolo izao, **1 Ne.** 13:40 (**1 Ne.** 11:21). Mahereza tokoa miantso ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa, fa angamba ianareo mba mety ho hita tsisy pentina, hodiovin' ny Zanakondry, **Môrm.** 9:6 (**Fan.** 7:14; **Almà** 34:36). Ny Zanak' Olona no Zanakondry izay voavono hatry ny fanorenana izao tontolo izao, **Mos.** 7:47.

ZANAKY NY FAHAVEREZANA.

Jereo koa Devoly; Fahafatesana;

Fahafatesana ara-panahy;

Fahamelohana; Fahotana Tsy

Ahazoana Famelana; Helo

Ireo mpanaraka an' i Satana izay hiara-

hijaly aminy amin' ny mandrakizay. Ireo zanaky ny fahaverezana dia ahitana (1) ireo izay nanaraka an' i Satana ary noroahina hiala tany an-danitra noho ny fikomiana nandritra ny fiainana talohan' ny nahaterahana, ary (2) ireo izay navela ho teraka sy handray vatana teto amin' ity tany ity, saingy nanompo an' i Satana sy niody tante-raka tamin' Andriamanitra. Ireo izay ao amin' ity andiany faharoa ity dia hatsangana amin' ny maty saingy tsy havotana amin' ny fahafatesana faharoa (ara-panahy) ary tsy afaka hipetraka ao amin' ny fanjakam-boninahitra (**F&F** 88:32, 35).

Tsy misy very amin' izy ireo afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana, **Jao.** 17:12. Tsy azo havaozina indray ho amin' ny fibebahana izy, **Heb.** 6:4–6 (**Heb.** 10:26–29). Fa tsy manan-jo amin' izany olona izany ny famindram-po; noho izany ny fara-fanamelohana azy dia ny fiaretana fangirifiriana tsy mifarana na oviana na oviana, **Môsià** 2:36–39. Izy dia mijanona toy ny tsy nisy fanavotana vita, **Môsià** 16:5. Ireo izay mandà ny fahagagana ataon' i Jesoa Kristy mba hahazoana tombony dia ho tonga tahaka ny zanaky ny fahaverezana, **3 Ne.** 29:7. Tsy hahazo ny famelana ny fahotany izy eo amin' ity fiainana ity na amin' ny fiainan-ko avy, **F&F** 76:30–34 (**F&F** 84:41; 132:27). Ireo no hany tsy ho voavotra amin' ny fahafatesana faharoa, **F&F** 76:34–48. Mandà ny Fanahy Masina ny zanaky ny fahaverezana rehefa avy nandray izany, **F&F** 76:35. Ireo zanaky ny fahaverezana dia mandà ny Zanaka taorian' ny efa nanambaran' ny Ray Azy, **F&F** 76:43. Hantsoina hoe Fahaverezana i Kaina, **Mos.** 5:22–26.

ZARAHÉMLÀ. *Jereo koa* Amôna;

Mioleka

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, Zarahemlà dia enti-manondro (1) ny lehilahy iray izay nitarika ny mpifindra monin' i Mioleka, (2) ny tanàna izay nampitondraina ny anarany, (3)

ny tanin' i Zarahemlà na (4) ny vahoaka izay nanaraka azy.

Nifaly noho ny nandefasan' ny Tompo ny Nefita i Zarahemlà, **Ômn.** 1:14. Nanome ny tetiaran' ny razambeny i Zarahemlà, **Ômn.** 1:18. I Amôna dia tamingan' i Zarahemlà, **Môsià** 7:3, 13. Niorina tao an-tanànan' i Zarahemlà ny Fiangonana, **Almà** 5:2. Noho ireo izay marina dia novonjena ny ratsy fanahy tao Zarahemlà, **Hel.** 13:12. Ny tanànan' i Zarahemlà dia nirehitra tamin' ny fahafatesan' i Kristy, **3 Ne.** 8:8, 24.

ZAVA-POANA. *Jereo koa*

Fiavonavonana; Rehak' Izao
Tontolo Izao

Lainga na fitaka; avonavona. Ny foana sy ny zava-poana dia mety midika koa ho babangoana sy tsy misy vidiny.

Izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin' ny lainga dia hitoetra ao amin' ny fitoeran' Andriamanitra masina, **Sal.** 24:3–4. Raha mivavaka hianareo dia aza mba manao teny maro foana, **Mat.** 6:7. Ilay trano lehibe sy malalaka dia ny hevi-dravina sy ny avonavona, **1 Ne.** 12:18. Moa va ianareo mbola hikiry hametraka ny fonareo amin' ny zava-poanan' izao tontolo izao? **Almà** 5:53. Aza mikatsaka ny zava-poanan' izao tontolo izao; fa indro, tsy afaka mitondra ireny miaraka aminao ianao, **Almà** 39:14. Ny fieboeboana sy tsy finoana dia efa nitondra ny Fiangonana ho eo ambany fanamelohana, **F&F** 84:54–55. Rehefa miezaka ny hampanarana ny hambom-pontsika poaka aty isika dia misintona ny lanitra, **F&F** 121:37.

ZEBOLONA. *Jereo koa* Isiraely;

Jakoba, Zanakalahin' i Isaka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, zanakalahin' i Jakoba sy Lea (Gen. 30:19–20).

Ny fokon' i Zebolona: nitahy ny fokon' i Zebolona i Jakoba (Gen. 49:13). Niara-ka tamin' i Debora sy Baraka ny fokon' i Zebolona tamin' ny ady nifanaovany tamin' ny fahavalon' i Isiraely (Mpits. 4:4–6, 10). Niara-ka tamin' i Gideona

koa izy tamin' ny ady nifanaovany tamin' ny Midianita (Mpits. 6:33–35).

ZEDEKIA. *Jereo koa* Mioleka

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny mpanjakan' i Joda farany (2 Mpan. 24:17–20; 25:2–7). Nampigadra ny mpanany Jeremia i Zedekia (Jer. 32:1–5), ary i Jeremia no naminany ny fahaba-boan' i Zedekia (Jer. 34:2–8, 21). Nipe-traka tany Jerosalema i Lehia sy ny fianakaviany nandritra ny taona voalohany nanjakan' i Zedekia (1 Ne. 1:4). Maty avokoa ny zanakalahin' i Zedekia afa-tsy iray monja; nandositra tany amin' ny ila-bolantany andrefana i Mioleka zananilahy (Jer. 52:10; Ômn. 1:15; Hel. 8:21).

ZEFANIA

Mpaminanin' ny Testamenta Taloha izay niaina nandritra ny nanjakan' i Josiasa (639–608 talohan' i J.K.).

Ny bokin' i Zefania: Toko 1: miteny ny amin' ny andro ho avy izay ho feno fahatezerana sy fahasahiranana. Toko 2: mananatra ny vahoakan' i Isiraely hikatsaka fahamarinana sy halempanahy. Toko 3: milaza mikasika ny Fiaviana Fanindroany, rehefa hivory mba hiady ny firenena rehetra. Hanjaka eo anivony anefa ny Tompo.

ZENIFA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, lehilahy iray izay nitarika ireo andian' olona niverina tany amin' ny tanin' i Nefia; lasa mpanjakan' izy ireo izy ary nitarika azy tamim-pahamarinana (Môsià 9–10).

ZENÔKA

Mpaminanin' i Isiraely tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha izay tsy voalaza afa-tsy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Naminany ny fahafatesan' i Kristy, **1 Ne.** 19:10. Niteny momba ny Zanak' Andriamanitra, **Almà** 33:15 (Almà 34:7). Maty maritiora ho an' ny fahamarinana, **Almà** 33:17. Naminany momba ny fiavian' ny Mesia, **Hel.** 8:20.

ZENÔSA

Mpaminanin' i Isiraely tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha izay tsy hita afa-tsy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny faminiany momba ny asa anirahana hotontosain' i Kristy.

Naminany mikasika ny fandevenana an' i Kristy sy ny haizina mandritra ny telo andro, **1 Ne.** 19:10, 12. Nanambara mialoha ny fanangonana ny Isiraely, **1 Ne.** 19:16. Nitatitra ny tenin' i Zenôsa mikasika ny fanoharana ny amin' ny hazo oliva voakolokolo sy ny hazo oliva dia i Jakôba, **Jkb.** 5. Manazava ny fanoharan' i Zenôsa i Jakôba, **Jkb.** 6:1–10. Nampianatra mikasika ny vavaka sy ny fitsaohana, **Almà** 33:3–11. Nampianatra fa ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' ny Zanakaka, **Almà** 34:7. Novonoina noho ny fanambarana tamim-pahasahiana nataony, **Hel.** 8:19. Niteny mikasika ny famerenana indray ny Lamanita, **Hel.** 15:11. Vavolombelona nanambara ny faharavana tamin' ny fahafatesan' i Kristy, **3 Ne.** 10:15–16.

ZEROBABELA

Ao amin' ny Testamenta Taloha, rehefa nanome lalana ny Jiosy i Kiprosoy hiverina tany Palestina, dia i Zerobabela no voatendry ho Governora na solontenan' ireo andriana Jiosy. I Sezbasara no anarana Persiana nentiny (Ezra 1:8). Nandray anjara tamin' ny fananganana indray ny tempolin' i Jerosalema izy (Ezra 3:2, 8; 5:2).

ZEZRÔMA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpahay lalàna tao amin' ny tanànan' i Amônihà. Tsapan' i Almà sy i Amioleka tamin' ny alalan' ny Fanahy fa nandainga i Zezrôma. Niova fo ho amin' ny filazantsaran' i Kristy izy avy eo (Almà 11:21–46; 15:1–12).

ZIOGA. *Jereo koa Mpianatra*

Fitaovana apetraka eo amin' ny tendan' ny biby na ny olona hamehezana azy miaraka. Ny zioğan' i Kristy dia tan-

dindon' ny maha-mpianatra, ny zioğan' ny fanandevozana kosa dia tandindon' ny fampahoriana

Mora ny ziogakao, ary maivana ny entako, **Mat.** 11:29–30. Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino, **2 Kor.** 6:14. Aza mety hohazonin' ny zioga fanadevozana intsony, **Gal.** 5:1. Tsy maniry ny hamarina na iza na iza ao amin' ny jioğan' ny fanandevozana izahay, **Almà** 44:2. Ny fijalian' ny olomasina dia zioga vy, famatorana mafy, ary rojon' ny helo, **F&F** 123:1–3, 7–8.

ZIONA. *Jereo koa* Enoka; Jerosalema Vaovao

Ny madio am-po (F&F 97:21). Ny Ziona dia midika koa ho ny toerana onenan' ireo madio am-po. Ny tanàna naorin' i Enoka sy ny vahoakany izay nalaina ho any an-danitra tamin' ny farany noho ny fahamarinana dia nantsoina hoe i Ziona (F&F 38:4; Mos. 7:18–21, 69). Amin' ny andro farany dia hisy tanàna antsoina hoe Ziona haorina eo akaikin' ny Kaominin' i Jackson, Missouri (Amerika), izay hianongan' ny fokon' i Isiraely (F&F 103:11–22; 133:18). Toroan-kevitra ny Olomasina hanorina an' i Ziona na aiza na aiza toerana onenany eto an-tany.

Ziona no anaran' ny tanànan' i Davida, **1 Mpan.** 8:1. Avy any Ziona no hivoahan' ny lalàna, **Isa.** 2:2–3 (Mika 4:2; 2 Ne. 12:2–3). Hisy Mpanavotra ho tonga any Ziona, **Isa.** 59:20. Hangalako iray isan-tanàna hianareo, sy roa isam-pokony, ka hoentiko any Ziona, **Jer.** 3:14. Avy any an-tendrombohitr' i Ziona sy any Jerosalema ny fanafahana, **Joe.** 2:32 (Oba. 1:17). Hotahina izay hiksatsa ny hampiorina an' i Zionako, **1 Ne.** 13:37. Miavonavona ny zanakavavin' i Ziona, **2 Ne.** 13:16 (Isa. 3:16). Lozan' izay miadana ao Ziona! **2 Ne.** 28:19–25. Katsaho ny hampijoro sy hampiorina ny foto-kevitr' i Ziona, **F&F** 6:6 (F&F 11:6). Izy no notaomiko tamin' ny fanahiko mba hampandroso

ny foto-kevitr' i Ziona amin' ny hery lehibe ho amin' ny tsara, **F&F** 21:7. Hantsoina hoe i Ziona ny Jerosalema Vaovao, **F&F** 45:66–67. Independence, Missouri, no toerana ho an' ny tanànan' i Ziona, **F&F** 57:1–3. Misy atambo mitatao eo amin' ny zanak' i Ziona mandra-pibebany, **F&F** 84:58. Ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe i Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina, **Mos.** 7:18–19. I Ziona (ilay Jerosalema Vaovao) dia haorina eo amin' ny kaontinanta Amerikana, **Fp.** 1:10.

ZIPORA. *Jereo koa Mosesy*

Ao amin' ny Testamenta Taloha, ny vadin' i Mosesy sady zanakavavin' i Jetro (Eks. 2:21; 18:2).

ZÔRAMA, ZÔRAMITA

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, mpanompon' i Labàna izay niaraka tamin' i Nefia sy i Lehia nankany amin' ny tany nampanantenaina (1 Ne. 4:31–38). Noho ny fahatokian' i Zôrama, dia nitsodrano azy niaraka tamin' ireo zananilahy i Lehia (2 Ne. 1:30–32). Fantatra amin' ny anarana hoe Zôramita ny taranany (Jkb. 1:13).

ZOTOM-PO. *Jereo Fahazotoana*

FANTINA AVY AMIN' NY BAIBOLY DIKANTENIN' I JOSEPH SMITH

Izao manaraka izao dia ampahany nofantenana tao amin' ny Baiboly King James Version, Dikantenin' i Joseph Smith (DJS). Notaomin' ny fanahin' ny Tompo i Joseph Smith Mpaminany mba hamerina ao amin' ny lahatsoratra ny Baiboly ireo fahamarinana izay efa very na novana hatramin' ny nanoratana voalohany ireo teny. Ireo fahamarinana naverina indray ireo dia nampahazava ny fotopampianarana sady nanatsara ny fahatakarana ny soratra masina. Ireo andalana nofantenana ho an' ny Torolalana dia tokony hanatsara ny fahatakaranao ny soratra masina, na inona na inona ny fiteny andikana izany.

Noho ny nanambaran' ny Tompo tamin' i Joseph ireo fahamarinana sasantsasany izay noraketin' ireo mpanoratra voalohany fahiny, ny Baiboly Dikantenin' i Joseph Smith dia tsy mitovy amin' ny Baiboly dikanteniny hafa eto amin' izao tontolo izao. Eo amin' izay lafiny izay, ny teny hoe dikanteniny dia ampiasaina amin' ny heviny malalaka sy hafa kokoa noho ny mahazatra, satria ny *dikantenin'* i Joseph dia miendrika fanambaranana fa tsy dikanteniny ara-bakiteny avy amin' ny fiteny iray ho amin' ny iray hafa. Ho fampahafantarana misimisy kokoa momba ny DJS dia jereo ny "Dikantenin' i Joseph Smith" (DJS) ao amin' ny teny araka ny lohahevitra, ao amin' ny Torolalana.

Ireto ohatra manaraka ireto dia mampiseho santionany nofantenana avy tamin' ny DJS:

Ny toko sy andininy izay matevina ny sorany dia andalana avy ao amin' ny Baiboly King James ka hita ao amin' ny Dikantenin' i Joseph Smith. Koa satria nampiditra indray ny teny sasany ho ao anatin' ny Baiboly ny dikanteniny, dia mety tsy hitovy amin' izay ampiasainao ny filahatr' ireo andininy.

DJS, Matio 4:1, 5–6, 8–9 (ampitahao amin' ny Matio 4:1, 5–6, 8–9; fanavana toy izany koa no natao tao amin' ny Lioka 4:2, 5–11)

(*Ny Fanahy no nitarika an' i Jesoa fa tsy i Satana.*)

1 Dia notarihin' ny Fanahy hankany an' efitra i Jesoa mba hiaraka amin' Andriamanitra.

5 Dia nentina hankao an-tanàna masina i Jesoa ka nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly ny Fanahy.

6 Dia nanatona Azy ny devoly ary nanao hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Ianao dia mianjerà any ambany any, fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjely ny Aminao ary eny an-tanany no hitondran' ireo Anao fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao.

8 Ary tao amin' ny Fanahy indray i Jesoa, ary izany dia nitondra Azy ho any an-tendrombohitra avo izaitsizy tokoa ary nampiseho Azy ny fanjakana rehetra eto amin' izao tontolo izao mbamin' ny voninahiny.

9 Ary tonga teo Aminy indray ny devoly ary nanao hoe: Izao zavatra rehetra

Ao anaty fononteny ny toko sy andininy ao amin' ny Baibolinalao izay tokony hampitahainao amin' ny dikantenin' i Joseph Smith.

Izany filazana izany dia mivaofy ny fotopampianarana izay nohazavain' i Joseph Smith tamin' ny dikanteniny.

Izany dia lahatsoratra araka izay nandikan' i Joseph Smith azy.

DJS, Genesisy 9:10–15 (ampitahao amin' ny Genesisy 9:3–9)

(Hampamoahina ny olona noho ny famoanana, sy ny fanimbasi-bana foana ny ain' ny biby.)

10 Fa ny ran' ny nofo rehetra izay efa nomeko anareo ho fihinana dia halatsaka amin' ny tany, izay manaisotra ny ainy, ary ny ra dia tsy hohaninareo.

11 Ary marina tokoa fa tsy tokony halatsaka ny ra afa-tsy amin' ny hani-na mba hamonjy ny ainareo; ary ny ran' ny bibidia rehetra dia hadiniko eo an-tananareo.

12 Ary na zovy na zovy no mandatsaka ny ran' ny olona dia olona kosa no handatsaka ny rany; fa ny olona dia tsy tokony handatsaka ran' olona.

13 Fa didy no omeko fa ny rahalahin' ny olona tsirairay dia tokony hitsimbina ny ain' ny olona satria tahaka ny endriko no efa nanaovako ny olona.

14 Ary didy no omeko anareo, maroa fara sy mihabetsaha; miteraha maro eny ambonin' ny tany ka mihabetsaha eny.

15 Ary niteny tamin' i Noa sy tamin' ny zanakalahiny izay niaraka taminy Andriamanitra nanao hoe, Ary Izaho, indro Izaho hanorina ny fanekempihavanako aminareo, izay nataoko tamin' i Enoka rainareo momba ny taranakareo mandimby anareo.

DJS, Genesisy 9:21–25 (ampitahao amin' ny Genesisy 9:16–17)

(Napetraka teny amin' ny lanitra ny avana ho fampahatsiahivana ny fanekempihavanan' Andriamanitra tamin' i Enoka sy tamin' i Noa. Amin' ny andro farany, ny fivoriam-ben' ny fiangonan' ny Lahimatoa [ny Zionan' ny Tompo tamin' ny fotoan' i Enoka; jereo Mosesy 7] dia hitambatra amin' ny marina eto an-tany.)

21 Ary ho eny amin' ny rahona ny avana; dia hitsinjo izany Aho mba hahatsiarovako ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay izay nataoko tamin' i Enoka rainao; ka rehefa mitandrana ny didiko rehetra ny olona, dia ho tonga indray eto an-tany i

Ziona, ilay tanànan' i Enoka izay efa nalaiko ho any Amiko.

22 Ary izao no fanekempihavanako maharitra mandrakizay, fa rehefa manaiiky ny fahamarinana ny taranakao ary hiandrandra, dia hitsinjo i Ziona ka ny lanitra rehetra dia hihararetram-pifaliana ary ny tany hihovitrovi-piravoravoana;

23 Ary ny fivoriam-ben' ny fiangonan' ny lahimatoa dia hidina avy any andanitra sy hizaka ny tany ary hitoetra eo ambara-pahatongan' ny farany. Ary izany no fanekempihavanako maharitra mandrakizay izay nataoko tamin' i Enoka rainao.

24 Ary ho eny amin' ny rahona ny avana, ary Izaho hanorina ny fanekempihavanako aminao, izay efa nataoko tamiko sy taminao ho an' ny zavamananaina rehetra, dia ny nofo rehetra izay hisy ambonin' ny tany.

25 Ary hoy Andriamanitra tamin' i Noa: Izao no famantarana ny fanekempihavanana izay efa naoriko ho Amiko sy ho aminao; ho an' ny nofo rehetra izay hisy eto an-tany.

DJS, Genesisy 14:25–40 (ampitahao amin' ny Genesisy 14)

(Voalaza ny asa fanompoana lehiben' i Melkizedeka; voasoritsoritra ireo fahefana sy fitahiana avy amin' ny Fisoronan' i Melkizedeka.)

25 Dia nanandratra ny feony i Melkizedeka ary nitso-drano an' i Abrama.

26 Ankehitriny i Melkizedeka dia lehilahin' ny finoana, izay niasa fahamarinana; ary raha mbola zaza izy dia natahotra an' Andriamanitra sy nana-kombona ny vavan' ny liona ary namono ny fidedadedan' ny afo.

27 Ary rehefa nankasitranan' Andriamanitra toy izany izy dia natokana ho mpisorona avo araka ny lamin' ny fanekempihavanana izay nataon' Andriamanitra tamin' i Enoka.

28 Izany dia araka ny lamin' ny Zanak' Andriamanitra; dia lamina izay tonga, tsy tamin' ny alalan' ny olona, na ny sitrapon' ny olona; sady tsy tamin' ny alalan' ny ray na ny reny; no tsy tamin'

ny fiandohan' andro na tamin' ny fiafaran-taona; fa avy amin' Andriamanitra;

29 Ary izany dia natolotra ny olona tamin' ny antson' ny feony, araka ny sitrapony, ho an' izay rehetra nino ny anarany.

30 Fa Andriamanitra dia efa nianiana tamin' i Enoka sy tamin' ny taranany, tamin' ny fianianana tamin' ny tenany; fa ny olona rehetra izay atokana araka ity lamina sy antso ity dia hanana fahefana, amin' ny alalan' ny finoana hamaky tendrombohitra, hampisaraka ranomasina, handritra rano, hampivily izany hiala amin' ny lalany;

31 Hihantsy ireo miaramilan' ny firenena, hizara ny tany, hanapatapaka ny fatorana rehetra, hijoro eo anatrehan' Andriamanitra; hanao ny zava-drehetra araka ny sitrapony, araka ny didiny, hampanao ireo fanapahana sy fahefana; ary izany dia amin' ny alalan' ny sitrapon' ny Zanak'Andriamanitra izay nisy hatry ny talohan' ny fanorenana izao tontolo izao.

32 Ary ny lehilahy nanana izany finoana izany ka tonga tamin' ity lamin' Andriamanitra ity dia nafindra ary nalaina ho any an-danitra.

33 Ary ankehitriny i Melkizedeka dia mpisorona ao amin' ity lamina ity; koa nahazo fiadanana tao Salema izy ary natao hoe Printsin' ny fiadanana.

34 Ary niasa fahamarinana ny vahoakany ka nahazo ny lanitra ary nikatsaka ny tanànan' i Enoka izay efa nalain' Andriamanitra taloha, nosarahiny tamin' ny tany ary natokany ho an' ny andro farany na ny fiafaran' izao tontolo izao izany;

35 Ary efa nilaza [Andriamanitra] ary nianiana tamin' ny fianianana fa ny lanitra sy ny tany dia hiara-hahorona; ary ireo zanak'Andriamanitra dia hosedraina toy ny amin' ny afo.

36 Ary ity Melkizedeka ity, rehefa nampiorina fahamarinana toy izany, dia nataon' ny vahoakany hoe ny mpanjakan' ny lanitra na, amin' ny teny hafa, ny Mpanjakan' ny fiadanana.

37 Dia nanandratra ny feony izy ary nitso-drano an' i Abrama, noho izy

mpisorona avo sy mpitandrina ny trano fitehirizan' Andriamanitra;

38 Izy ilay efa notendren' Andriamanitra mba handray ny fahafolonkarena ho an' ny mahantra.

39 Koa i Abrama dia nandoa taminy ny fahafolonkarena tamin' izay rehetra azony tamin' ny harena rehetra izay nananany, izay efa nomen' Andriamanitra azy mihoatra noho izay nilainy.

40 Ary ny zava-nitranga dia nitahy an' i Abrama Andriamanitra ary nanome azy harena sy voninahitra ary tany ho fananana maharitra mandrakizay; araka ny fanekempihavanana izay efa nataony ary araka ny tsodrano izay efa nitsofan' i Melkizedeka rano azy.

DJS, Genesisy 15:9-12 (ampitahao amin' ny Genesisy 15:1-6)

(Nahita ny Zanak' Andriamanitra tamin' ny fahitana i Abrahama ary nahafantatra ny amin' ny fitsanganana amin' ny maty).

9 Ary hoy i Abrama: Tompo Andriamanitra ô, ahoana no hanomezanao ahy ity tany ity ho lova maharitra mandrakizay?

10 Ary hoy ny Tompo: Na dia efa maty aza ianao, moa tsy mbola ho haiko va ny hanome izany anao?

11 Ary raha maty aza ianao dia mbola hizaka izany ihany, fa avy ny andro izay hahaveloman' ny Zanak' olona; nefa ahoana no hahavelona Azy raha tsy maty Izy? Tsy maintsy velomina Izy aloha.

12 Ary ny zava-nitranga dia nijery i Abrama, ary nahita ny andron' ny Zanak' olona izy ka faly, dia nahita fitsaharana ny fanahiny ary nino ny Tompo izy; ary nisain' ny Tompo ho fahamarinana ho azy izany.

DJS, Genesisy 17:3-7, 11-12

(ampitahao amin' ny Genesisy 17:3-12)

(Naorin' Andriamanitra tamin' i Abrahama ny fanekempihavanan' ny famorana. Ny ôrdônansin' ny batisa sy ny taona izay nahatonga ny ankizy ho tompon' andrakitra dia nambara tamin' i Abrahama.)

3 Ary ny zava-nitranga dia niankohoka tamin' ny tany i Abrama ary niantso ny anaran' ny Tompo.

4 Ary Andriamanitra niteny taminy nanao hoe: Efa naniaasia niala tamin' ny fitsipiko ny vahoakako ary tsy nitandrina ny ôrdônansiko izay efa nomeko ny rainy;

5 Ary izy ireo dia tsy nitandrina ny fanosorako sy ny fandevenana na ny batisa izay nandidiako azy ireo;

6 Fa efa niala tamin' ny didy kosa ka naka ho an' ny tenany ny fanasana ankizy sy ny famafazana ra;

7 Ary efa nilaza fa ny ran' i Abela ilay marina dia nalatsaka noho ny fahotana; ary tsy nahafantatra ny fomba izay maha-tompon' andraikitra azy ireo eo anoloako.

11 Ary haoriko eo aminao ny fanekempihavanan' ny famorana, ary izany dia ho fanekempihavanako ho Amiko sy ho aminao, ary ny taranakao mandimby anao hatramin' ny taranaka fara mandimby, mba hahafantarana-reo mandrakizay fa ny ankizy dia tsy tompo' andraikitra eo anoloako raha tsy efa feno valo taona.

12 Ary hoezahinao ny hitandrina ny fanekempihavanako rehetra izay nifanekeko tamin' ny rainao; ary hotandremanao ireo didy izay efa nomeko anao teo am-bavako, ary Izaho dia Andriamanitra ho anao sy ny taranakao mandimby anao.

DJS, Genesisy 17:23 (ampitahao amin' ny Genesisy 17:17)

(Nifaly i Abrahama raha nolazaina mialoha ny fahaterahan' i Isaka.)

23 Dia niankohoka tamin' ny tany i Abrahama ka nifaly ary nanao anankampo hoe: Hisy zaza haterak' ilay efa zato taona, ary i Saraha izay efa sivifolo taona dia hitondra vohoka.

DJS, Genesisy 19:9–15 (ampitahao amin' ny Genesisy 19:5–10)

(Notoherin' i Lota ny faharatsian' i Sodoma.)

9 Ary hoy izy ireo taminy: Mialà eto ianao. Ary tezitra taminy izy ireo.

10 Ary nifampiresaka izy ireo hoe: Tonga hivahiny eto amintsika ity lehilahy ity ary te hanao ny tenany ho mpitsara izy ankehitriny; ary ankehitriny dia hanao ratsiratsy kokoa aminy noho ny amin' izy ireo isika.

11 Koa hoy izy ireo tamin-dralehilahy: Ho azonay ireo lehilahy ary ny zanakavavinao koa; ary hataonay amin' izy ireo izay heverinay ho tsara.

12 Ankehitriny izany, dia araka ny faharatsian' i Sodoma.

13 Ary hoy i Lota: Indro, ankehitriny dia manana zanakavavy roa aho, izay tsy mbola nahalala lahy; miangavy anareo aho, avelao aho hitalaho aminareo rahalahiko mba tsy hitondrako azy ireo hivoaka ho eo aminareo; ary tsy hanao amin' izy ireo araka izay heverinareo ho tsara eo imasonareo ianareo.

14 Fa tsy hanamarina ny mpanompony amin' izany zavatra izany Andriamanitra; koa avelao aho hitalaho aminareo rahalahiko izao indray mandeha izao ihany, mba tsy hanaovanareo na inona na inona amin' ireo lehilahy ireo, mba hananany fiadanana ao an-tranoko; fa noho izany antony izany no nahatongavany hialoka eto ambanin' ny tafon-tranoko.

15 Ary tezitra tamin' i Lota izy ireo ary nanatona mba hamaky ny varavarana, fa ireo anjelin' Andriamanitra, izay lehilahy masina, dia naninjitra ny tanany ka nisintona an' i Lota hankao an-trano ho ao amin' izy ireo ary nandrin-drina ny varavarana.

DJS, Genesisy 48:5–11 (ampitahao amin' ny Genesisy 48:5–6)

(Ny taranak' i Josefa no ho mpitondra amin' ny fanangonana an' i Isiraely amin' ny andro farany.)

5 Ary ankehitriny, ny amin' ny zanakao mirahalaha, i Efraïma sy i Manase izay efa naterakao tatỳ amin' ny tany Egipta, talohan' ny nankanesako teo aminao teto Egipta; indro, ahy ireo ary ny Andriamanitr' ireo raiko dia hitahy azy ireo; toa an-dRobena sy Simeona dia hotahina izy ireo, fa ahy ireo; koa

ny anarany dia hatao araka ny anarako. (Koa natao hoe i Isiraely izy ireo).

6 Fa ny zanakao izay haterakao aorian' izy ireo kosa dia ho anao, ary ny anarany hatao araka ny anaran' ny rahalahiny, eo amin' ny lovary, ao amin' ny fokony; koa natao hoe ny fokon' i Manase sy ny an' i Efraima izy ireo.

7 Ary hoy i Jakoba tamin' i Josefa: Fony ny Andriamanitr' ireo raiko niseho tamiko tao Lozy, tao amin' ny tany Kanana, dia nianiana tamiko Izy fa hanome ahy sy ny taranako ny tany ho fananana maharitra mandrakizay.

8 Noho izany ry zanako ô, dia efa nitahy ahy Izy tamin' ny fananganana anao ho mpanompo ho ahy, tamin' ny famonjena ny tranoko tamin' ny fahafatesana;

9 Tamin' ny fanafahana ny vahoakako rahalahinao tamin' ny mosary izay nahatsiravina teo amin' ny tany; koa ny Andriamanitry ireo rainao dia hitahy anao sy ny nateraky ny kibonao, ka hotahina mihoatra noho ny rahalahinao sy mihoatra noho ny ankohonan-drainao izy ireo;

10 Fa efa naharesy ianao ka ny ankohonan-drainao dia niankohoka eo anoloanao, dia toy izay efa nanehoana izany taminao talohan' ny nivarotan' ny tanan' ny rahalahinao anao tany Egipta; koa ny rahalahinao dia hiankohoka eo anoloanao hatramin' ny taranaka fara mandimby, amin' ny nateraky ny kibonao mandrakizay;

11 Fa ianao dia ho fahazavana ho an' ny vahoakako, ka hanafaka azy amin' ny andron' ny fahababoany, amin' ny famatorana; ary hitondra famonjena ho azy rehefa itambesaran' ny fahotana tanteraka izy.

DJS, Genesisy 50:24–38 (ampitahao amin' ny Genesisy 50:24–26; jereo koa 2 Nefia 3)

(Voatonona avokoa ao amin' ity faminanian' i Josefa tany Egipta ity ny anaran' i Mosesy, i Aharôna ary i Joseph Smith. Naminany koa i Josefa fa ny Bokin' i Môrmôna dia hanjary ho naman' ny rakisotratr' i Joda.)

24 Ary hoy i Josefa tamin' ny rahalahiny: Ho faty aho ary handeha ho any amin' ireo raiko; ary hidina any am-pasako am-pifaliana aho. Ny Andriamanitr' i Jakoba raiko anie ho aminareo ka hanafaka anareo amin' ny fahoriana amin' ny andron' ny fanandevozana anareo; fa efa namangy ahy ny Tompo ary efa azoko ny fampanantenan' ny Tompo, fa avy amin' ny nateraky ny kiboko no hananganan' ny Tompo Andriamanitra sampana marina iray avy amin' ny kiboko; ary mpaminany iray kosa ho anareo izay efa nantsoin' i Jakoba raiko hoe Isiraely; (tsy ny Mesia izay atao hoe Silo); ary izany mpaminany izany no hanafaka ny vahoakako avy any Egipta amin' ny andron' ny famatorana anareo.

25 Ary ny zavatra hitranga dia haely indray izy ireo; ary ny sampana iray dia hotapahina hiala ka hoentina any an-tany lavitra; kanefa dia hotsarovana ao amin' ireo fanekempihavanan' ny Tompo izy ireo, rehefa avy ny Mesia; fa izy dia haseho azy ireo amin' ny andro farany ao amin' ny Fanahin' ny faherezana; ary hitondra azy ireo hiala ny haizina ho amin' ny hazavana; hiala ny haizina mikitroka ary hiala ny fahababoana ho amin' ny fahafahana.

26 Mpahita iray no hatsangan' ny Tompo Andriamanitro, izay ho mpahita nofinidy ho an' ny nateraky ny kiboko.

27 Toy izao no nolazain' ny Tompo Andriamanitr' ireo raiko tamiko: Mpahita nofinidy iray no hatsangako avy amin' ny naloaky ny kibonao, ary hohajaina fatratra tokoa izy eo anivon' ireo nateraky ny kibonao; ary izy no homeko didy hanaovany asa iray ho an' ny nateraky ny kibonao, izay rahalahiny.

28 Ary hitondra azy ireo ho amin' ny fahalalana ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ireo rainao izy; ary hanao izay asa rehetra handi-diako azy izy.

29 Ary Izaho hahatonga azy ho lehibe eo imasoko, satria hanao ny asako izy; ary izy ho lehibe tahaka ilay efa nola-zaiko fa hatsangako ho anareo, mba hanafaka ny vahoakako hiala ny tany

Egypta, Ry mpianakavin' i Isiraely ô; fa mpahita iray no hatsangako mba hanafaka ny vahoakako hiala ny tany Egypta; ary hatao hoe Mosesy izy. Ary amin' izany anarana izany no hahafantarany fa anisan' ny ankohonanao izy; fa hotaizain' ny zanakavavin' ny mpanjaka izy ary hatao hoe zanakalahiny.

30 Ary ankoatra izany dia mpahita iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao, ary izy no homeko fahefana hitondra ny teniko ho an' ny taranaky ny kibonao; ary tsy hitondra ny teniko fotsiny, hoy ny Tompo, fa ny handresy lahatra azy ireo ny amin' ny teniko izay efa handeha sahady eo anivony amin' ny andro farany;

31 Koa hanoratra ny nateraky ny kibonao ary hanoratra ny nateraky ny kibon' i Joda; ary izay hosoratan' ny nateraky ny kibonao, ary koa izay hosoratan' ny naloaky ny kibon' i Joda, dia hitambatra hanaporofoana ny mahadiso ny fotopampianarana sandoka sy hampitsaharana ny fifandirana, ary hampiovenana fandriampahalemana eo anivon' ny naloaky ny kibonao ka hitondrana azy ireo ho amin' ny fahalalana ireo rainy amin' ny andro farany; ary koa ho amin' ny fahalalana ireo fanekempihavanako, hoy ny Tompo.

32 Ary ao amin' ny fahalemeny no hanatanjahana azy amin' ny andro izay hivoahan' ny asako eo anivon' ny oloko rehetra, izay hampody azy ireo indray, izy ireo izay avy amin' ny tranon' i Isiraely, amin' ny andro farany.

33 Ary izany mpahita izany dia hotahiako, ary ireo izay mikatsaka ny handringana azy dia hampangaihaizina; fa izao fampanantenana izao no omeko anareo; fa Izaho hahatsiaro anareo hatrany amin' ireo fara mandimby; ary ny anarany dia hatao hoe Joseph, ary izany dia ho araka ny anaran-drainy; ary hanahaka anao izy; satria ny zavatra izay havoakan' ny Tompo amin' ny tanany dia hitondra ny oloko ho amin' ny famonjena.

34 Ary ny Tompo nianiana tamin' i Josefa fa hitsimbina mandrakizay ny taranany, nanao hoe: Izaho dia hanan-

gana an' i Mosesy, ary tehina no ho eo an-tanany, ary hanangona ny vahoakako izy ary hitarika azy toy ny andian' ondry sy hikapoka ny ranon' ny Rano-masina Mena amin' ny tehiny.

35 Ary hahay mandanjalanja izy ka hanoratra ny tenin' ny Tompo. Ary tsy hiteny teny maro izy fa Izaho no hanoratra ho azy ny lalàko amin' ny alalan' ny rantsantanako. Ary hanao mpitondrateny ho azy Aho, ary ny anarany dia hatao hoe Aharôna.

36 Ary izany dia hotanterahina aminareo amin' ny andro farany koa, toy izay efa nianianako. Koa hoy i Josefa tamin' ireo rahalahiny: Hamangy anareo marina tokoa Andriamanitra ka hitondra anareo hivoaka ity tany ity, hankamin' ny tany izay nianianany tamin' i Abraham sy tamin' i Isaka ary tamin' i Jakoba.

37 Ary nohamafisin' i Josefa tamin' ireo rahalahiny ny zavatra hafa maro, ary nampianianiny ny zanak' i Isiraely, ka nilaza taminy izy hoe: hamangy anareo marina tokoa Andriamanitra ary hoentinareo hiala eto ny taolako.

38 Dia maty i Josefa rehefa folo amby zato taona; ary nohosorany zavamanitra izy ka napetrany tao anaty vata tany Egypta; ary tsy nalevin' ny zanak' i Isiraely izy mba hahazoana mitondra azy miaraka amin-drainy ary mametra-ka azy anaty fasana. Dia toy izany no nitadidiany ny fianianana izay nataony taminy.

DJS, Eksodosy 4:21 (ampitahao

amin' ny Eksodosy 4:21; 7:3, 13;

9:12; 10:1, 20, 27; 11:10; 14:4, 8, 17;

Deuteronomia 2:30)

(Tsy tompon' andraikitra tamin' ny hamafin' ny fon' i Farao ny Tompo. Jereo koa DJS, Eksodosy 7:3, 13; 9:12; 10:1, 20, 27; 11:10; 14:4, 8, 17; ireo toko sy andininy rehetra ireo, rehefa voadika tsara, dia mampiseho fa i Farao ihany no nanamafy ny fony.)

21 Ary hoy ny Tompo tamin' i Mosesy: Rehefa mandeha miverina any Egypta ianao dia ezaho ny manao ireo fahagagana rehetra ireo, izay efa nataoko eo an-tananao, eo anoloan' i Farao, dia

hampahomby anao Aho; saingy hana-mafy ny fony i Farao ka tsy hamela ny olona handeha.

DJS, Eksodosa 18:1 (ampitahao amin' ny Eksodosa 18:1)

(Jetro dia mpisorona avo.)

1 Nony ren' i Jetro, ilay mpisorona avo tao Midiana, sady rafozandahin' i Mosesy, izay rehetra nataon' Andriamanitra ho an' i Mosesy sy ho an' i Isiraely olony, fa efa nitondra an' i Isiraely nivoaka an' i Egipta ny Tompo;

DJS, Eksodosa 22:18 (ampitahao amin' ny Eksodosa 22:18)

(Tsy ho velona ny mpamono olona.)

18 Tsy hamela ny mpamono olona ho velona ianao.

DJS, Eksodosa 33:20, 23 (ampitahao amin' ny Eksodosa 33:20, 23)

(Tsy misy olona mpanota mijery ny tavan' Andriamanitra ka ho velona.)

20 Ary hoy Izy tamin' i Mosesy: Tsy afaka mijery ny tavako ianao amin' izao fotoana izao, fandrao hirehitra aminao koa ny fahatezerako ka hamongotra anao sy ny olonao Aho; fa tsy hisy olona eo anivony hahita Ahy amin' izao fotoana izao ka ho velona, satria mpanota izaitsizy tokoa izy ireo. Ary tsy nisy na oviana na oviana olona mpanota nahita, sady tsy hisy na oviana na oviana olona mpanota hahita ny tavako ka ho velona.

23 Dia hanaisotra ny tanako Aho ka hahita ny vohoko ianao, fa ny tavako tsy ho hita toy ny tamin' ireo fotoana hafa; fa tezitra amin' i Isiraely oloko Aho.

DJS, Eksodosa 34:1–2, 14

(ampitahao amin' ny Eksodosa 34:1–2, 14; Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 84:21–26)

(Nirakitra ny lalàna ambanimbany kokoa noho ny voalohany ny vato fisaka faharoa nomena an' i Mosesy.)

1 Ary hoy ny Tompo tamin' i Mosesy: Manaova ianao vato fisaka roa hafa tahaka ilay voalohany, dia hosoratako

eo amin' ireo koa ny tenin' ny lalàna, araka ny nanoratana izany teo amin' ny vato fisaka voalohany izay novakivakinao; saingy tsy ho araka ny voalohany izany, fa hoesoriko hiala avy eo afovoany ny fisoronana; koa ny lami-ko masina mbamin' ny ôrdônansiny dia tsy handeha eo anoloan' izy ireo; fa tsy handeha eo afovoany ny fisiako fandrao hofongorako izy ireo.

2 Fa homeko azy ireo toy ny tamin' ny voalohany ny lalàna, saingy izany dia ho araka ny lalàn' ny didy aranofo; fa efa nianiana tao amin' ny fisafahako Aho, fa izy ireo dia tsy hiditra eo anatrehako, ao amin' ny fitsaharako amin' ny andron' ny fivahinianany. Koa ataovy araka izay efa nandidiako anao, ary mivonona amin' ny maraina, ary miakara eo an-tendrombohit' i Sinay amin' ny maraina, ka ento eo Amiko ny tenanao, eo an-tampon' ny tendrombohitra.

(Jehovah dia anarana anankiray izay nahafantaran' ny olon' ny Testamenta Taloha an' i Jesoa Kristy Tompo.)

14 Fa tsy hidera Andriamanitra hafa ianao; fa ny Tompo izay i Jehovah no anarany dia Andriamanitra saro-piaro.

DJS, Deuteronomia 10:2 (ampitahao amin' ny Deuteronomia 10:2)

(Teo amin' ireo vato fisaka voalohany no nambaran' Andriamanitra ny fanekepiahavanana maharitra mandrakizain' ny fisoronana masina.)

2 Dia hosoratako eo amin' ireo vato fisaka ny teny izay teo amin' ny vato fisaka voalohany, izay novakivakiana, afa-tsy ny tenin' ny fanekepiahavanana maharitra mandrakizain' ny fisoronana masina, ka hapetrakao ao amin' ny fiara ireo.

DJS, 1 Samoela 16:14–16, 23

(ampitahao amin' ny 1 Samoela 16:14–16, 23; toy izany koa ny fanovana natao tamin' ny 1 Samoela 18:10 sy 19:9)

(Ny fanahy ratsy izay tonga tamin' i Saoly dia tsy avy amin' ny Tompo.)

14 Fa niala tamin' i Saoly ny Fanahin' ny Tompo, ary ny fanahy ratsy izay tsy avy amin' ny Tompo no nanelohelo azy.

15 Ary hoy ireo mpanompon' i Saoly taminy: Indro ankehitriny, ny fanahy ratsy izay tsy avy amin' Andriamanitra no nanelohelo anao.

16 Aoka ny tomponay ankehitriny handidy ny mpanomponao izay eto anoloanao mba hitady olona havanana amin' ny fitendrena harpa; ary ny zavatra hitranga rehefa manelohelo anao ny fanahy ratsy izay tsy avy amin' Andriamanitra, dia hitendry amin' ny tanany izy, dia ho tsara ianao.

23 Ary ny zava-nitranga nony mby teo amin' i Saoly ilay fanahy ratsy izay tsy avy amin' Andriamanitra dia nandray harpa i Davida ary nitendry tamin' ny tanany; dia velombelona i Saoly sady nihatsara, ary niala taminy ilay fanahy ratsy.

DJS, 2 Samoela 12:13 (ampitahao amin' ny 2 Samoela 12:13)

(Tsy navelan' Andriamanitra ny fahotana mamohetrana vitan' i Davida.)

13 Dia hoy i Davida tamin' i Natana: Efa nanota tamin' ny Tompo aho. Ary hoy i Natana tamin' i Davida: Tsy nesorin' ny Tompo koa ny fahotanao ka tsy ho fady ianao.

DJS, 2 Tantara 18:22 (ampitahao amin' ny 2 Tantara 18:22)

(Tsy mametraka fanahy mandainga eo am-bavan' ireo mpaminany ny Tompo.)

22 Koa ankehitriny, indro, efa nahita fanahy mandainga teo am-bavan' ireo mpaminaninao ireo ny Tompo, ary ny Tompo dia nilaza loza hanjo anao.

DJS, Salamo 14:1-7 (ampitahao amin' ny Salamo 14:1-7)

(Nifaly ny amin' ny andron' ny fampodiana indray ny mpanao salamo.)

1 Ny adala efa niteny anakampo hoe: Tsy nisy olona nahita an' Andriamanitra. Noho Izy tsy maneho ny tenany amintsika, dia tsy misy Andriamanitra. Indro, efa lo izy ireo; efa nanao asa

vetaveta izy, ary tsy misy aminy izay mba manao ny tsara.

2 Fa avy eny an-danitra ny Tompo no niondrika hijery ny zanak' olombelona ary tamin' ny feony no nitenenany tamin' ny mpanompony hoe: mitadiava ianareo eny anivon' ny zanak' olombelona mba hahita raha misy olona mahazo an' Andriamanitra. Dia niloabava tamin' ny Tompo izy ary nanao hoe: Jereo, ireto rehetra izay milaza tena fa Anao.

3 Namaly ny Tompo ary nanao hoe: Efa naniaasia avokoa izy, efa tonga vetaveta izy rehetra, tsy mety hahita anankiray aminy izay manao ny tsara ianao, tsia, na dia iray aza.

4 Izay rehetra ananany ho mpampianatra azy dia mpanao heloka, ary tsy misy fahalalana ao aminy. Izy ireo no ireo izay mitsentsitra ny vahoakako. Mihinan-kanina izy ireo ary tsy miantso ny Tompo.

5 Ao amin' ny tahotra lehibe izy ireo satria Andriamanitra dia mitoetra eo amin' ny taranaky ny marina. Mpanoro hevitra ny mahantra Izy, satria menatra ireo olon-dratsy ireny ka mandositra any amin' ny Tompo ho fialofany.

6 Menatra ny torohevitra ny mahantra izy ireo satria ny Tompo no fialofany.

7 Ô inay i Ziona naorina avy any andanitra, ny famonjena an' i Isiraely. Tompo ô, rahoviana no haorinao i Ziona? Rehefa mampody ny olony avy amin' ny fahababoana ny Tompo dia hiravoravo i Jakoba ary ho faly i Isiraely.

DJS, Salamo 24:7-10 (ampitahao amin' ny Salamo 24)

(Mankalaza ny fiavian' i Kristy fanindroany ity Salamo ity.)

7 Asandrato ny lohanareo, ô ianareo ry taranak' i Jakoba; dia miandrandra ianareo; ary ny Tompo matanjaka sy mahery; ny Tompo mahery amin' ny ady, izay mpanjakan' ny voninahitra, dia hanorina anareo mandrakizay.

8 Ary hangorona ny lanitra Izy; dia hidina hanavotra ny olony; hanao anareo ho anarana maharitra mandra-

kizay; hanorina anareo eo amin' ny vatolampiny maharitra mandrakizay.

9 Asandrato ny lohanareo, ô ianareo ry taranak' i Jakoba; asandrato ny lohanareo, ianareo taranaka maharitra mandrakizay, ary ny Tompon' ny maro, ny mpanjakan' ny mpanjaka,

10 Ny mpanjakan' ny voninahitra mihitsy no ho avy eo aminareo; ka hanavotra ny olony ary hanorina azy amin' ny fahamarinana. Sela.

DJS, Salamo 109:4 (ampitahao amin' ny Salamo 109:4)

(Tokony hivavaka ho an' ny fahavalontsika isika.)

4 Ary na dia eo aza ny fitiavako dia fahavaloko izy; kanefa dia hotohizako ny vavaka ho azy.

DJS, Isaia 42:19–23 (ampitahao amin' ny Isaia 42:19–22)

(Haniraka ny mpanompony ho any amin' ireo izay jamba ny Tompo.)

19 Fa hirahiko ny mpanompoko ho any aminareo izay jamba; eny, ny iraka, hampahiratra ny mason' ny jamba sy hampahalady ny sofin' ny marenina;

20 Dia hatao tonga fanaperana izy raha mihaino ilay iraka, ilay mpanompon' ny Tompo, na dia eo aza ny fahajambany.

21 Ianao dia vahoaka mahita zavatra maro saingy tsy mitandrana; manokatra ny sofinao mba handre saingy tsy mandre.

22 Tsy mankasitraka ny olona toy izany ny Tompo, saingy noho ny amin' ny fahamarinany, dia hanalehibe ny lalàna Izy ary hahatonga izany ho mendri-kaja.

23 Ianao dia vahoaka norobaina sy nobaboina; ny fahavalonao, izy rehetra, dia efa namandrika anao tao an-davaka, ary efa nafeniny tao an-tranomaizina ianao; fa efa nataony ho haza ianao ka tsy misy manafaka; ho babo ka tsy misy miteny hoe: Ampodio.

DJS, Jeremia 26:13 (ampitahao amin' ny Jeremia 26:13)

(Tsy manenina ny Tompo; ny olona no manenina.)

13 Koa ankehitriny ahitsio ny lalanareo sy ny ataonareo ary ankatoavy ny feon' ny Tompo Andriamanitrareo, dia manenena ianareo, ary ny Tompo hampiala ny ratsy izay efa nolazainy hamelezana anareo.

DJS, Amosa 7:3 (ampitahao amin' ny Amosa 7:3)

(Tsy manenina ny Tompo; ny olona no manenina.)

3 Dia hoy ny Tompo momba an' i Jakoba: Hanenina noho ny amin' izany i Jakoba, koa tsy hofongorako tanteraka izy hoy ny Tompo.

DJS, Matio 3:24–26 (ampitahao amin' ny Matio 2:23)

(Filazalazana ny fahazazana sy ny fahatanorana i Jesoa.)

24 Ary ny zava-nitranga dia niaranitombo tamin' ireo rahalahiny i Jesoa ka nihanatanjaka ary niandry tamin' ny Tompo ny amin' ny fotoana hian' ny asa fanompoany.

25 Dia nanompo teo ambany fahefan' ny Rainy Izy ka tsy mba niteny toy ireo olona hafa sady tsy hay nampianarina; fa tsy nila olona nampianatra Azy Izy.

26 Ary rehefa afaka taona maro dia nanakaiky ny oran' ny asa fanompoany.

DJS, Matio 3:43–46 (ampitahao amin' ny Matio 3:15–17)

(Nataon' i Jaona batisa tamin' ny alalan' ny batisa asitrika i Jesoa.)

43 Dia namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe: Aoka Aho hataonao batisa, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Dia navelany Izy.

44 Dia nandeha nidina teo amin' ny rano i Jaona ary nanao batisa Azy.

45 Ary i Jesoa nony efa vita batisa, dia niakatra avy hatrany avy teo amin' ny rano; dia nahita i Jaona ary indro, nisokatra taminy ny lanitra ka hitany ny Fanahin' Andriamanitra nidina

tahaka ny voromahailala ary nipetra-ka teo amin' i Jesoa.

46 Ary indro, reny ny feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no Zanakomalalako izay ao Aminy no tena sitrako. Henoinareo Izy.

DJS, Matio 4:1, 5-6, 8-9 (ampitahao amin' ny Matio 4:1, 5-6, 8-9; toy izany koa ny fanovana natao tao amin' ny Lioka 4:2, 5-11)

(Ny fanahy no nitarika an' i Jesoa fa tsy i Satana.)

1 Dia notarihin' ny Fanahy i Jesoa hankany an' efitra, mba hiaraka amin' Andriamanitra.

5 Dia nentina hankao amin' ny tanàna masina i Jesoa, ary nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly ny Fanahy.

6 Dia nanatona Azy ny devoly ary nanao hoe: Raha Zanak' Andriamanitra linao dia mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjelin' ny Aminao; ary eny an-tanany no hitondran' ireo anao fandrao ho tafin-tohina amin' ny vato ny tongotrao.

8 Ary tao amin' ny Fanahy indray i Jesoa, ary izany dia nitondra Azy ho any amin' ny tendrombohitra avo izaitsizy tokoa ka nampiseho Azy ny fanjakana rehetra eto amin' izao tontolo izao mbamin' ny voninahiny.

9 Ary tonga teo Aminy indray ny devoly ka nanao hoe: Ireo zavatra rehetra ireo dia homeko Anao, raha miankohoka eto anoloako linao ary midera ahy.

DJS, Matio 4:11 (ampitahao amin' ny Matio 4:11)

(Nirahin' i Jesoa ireo anjely mba hanompo an' i Jaona Mpanao Batisa.)

11 Ary ankehitriny dia nahalala i Jesoa fa efa naiditra an-tranomaizina i Jaona, ka nirahiny ireo anjely, ary indro, tonga ireo ka nanompo azy.

DJS, Matio 4:18 (ampitahao amin' ny Matio 4:19)

(Niteny ny amin' i Jesoa ireo mpaminanin' ny Testamenta Taloha.)

18 Ary hoy Izy taminy: Izaho no Ilay efa nosoratan' ireo mpaminany; manaraha Ahy, dia hataoko mpanarato olona ianareo.

DJS, Matio 4:22 (ampitahao amin' ny Matio 4:23)

(Nositrarin' i Jesoa ny olona tamin' ireo izay nino ny anarany.)

22 Ary i Jesoa nandeha eran' i Galilia ka nampianatra tao amin' ireo sinagoga sy nitory ny filazantsaran' ny fanjakana; ary nanasitrana ny karazan' aretina rehetra mbamin' ny karazana rofy rehetra teo anivon' ny vahoaka izay nino ny anarany.

DJS, Matio 6:14 (ampitahao amin' ny Matio 6:13; toy izany koa ny fiovana natao tao amin' ny Lioka 11:4)

(Tsy mitarika antsika ho amin' ny fakampanahy ny Tompo.)

14 Ary aza avela ho voatarika ho amin' ny fakampanahy izahay, fa manafaha anay amin' ny ratsy.

DJS, Matio 6:22 (ampitahao amin' ny Matio 6:22)

(Raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra ny masontsika dia ho feno hazavana ny tenantsika rehetra.)

22 Ny maso no fahazavan' ny tena; koa raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra ny masonao dia ho feno hazavana ny tenanao rehetra.

DJS, Matio 6:38 (ampitahao amin' ny Matio 6:33)

(Tokony hokatsahintsika aloha ny hanorina ny fanjakan' Andriamanitra.)

38 Koa aza mikatsaka ny zavatr' izao tontolo izao fa katsahonareo aloha ny hanorina ny fanjakan' Andriamanitra sy ny hampitoetra ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo ireo zavatra rehetra ireo.

DJS, Matio 7:1-2 (ampitahao amin' ny Matio 7:1-2)

(Aza mitsara araka ny tsy fahamarinana.)

1 Ankehitriny dia ireto ny teny izay nampianarin' i Jesoa ny mpianany ka tokony holazain' izy ireo ny olona.

2 Aza mitsara araka ny tsy fahamari-nana ianareo mba tsy hotsaraina; fa mitsarà kosa araka ny fitsarana marina.

DJS, Matio 7:9–11 (ampitahao amin' ny Matio 7:6)

(Aza mifampizara ireo misterin' ny fanjakana amin' izao tontolo izao.)

9 Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo ka lazao amin' ny rehetra hoe: Mibebaha fa efa manatona akaiky anareo ny fanjakan' ny lanitra.

10 Ary ireo misterin' ny fanjakana dia hotehirizinareo ho anareo; fa tsy mety ny manome izay masina ho an' ny alika na manipy ho an' ny kisoa ny voahanginareo, fandrao hohosihoseny eo ambany tongony izany.

11 Fa izao tontolo izao dia tsy afaka mandray izay tsy hain' ny tenanareo zakaina; koa tsy homenareo azy ny voahanginareo, fandrao hifotitra izy ka hamiravira anareo.

DJS, Matio 9:18–21 (Ity lahatsoratra ity dia naverin' i Joseph Smith Mpaminany indray ka nasisika teo anelanelan' ny Matio 9:15 sy ny Matio 9:16.)

(Notsipahan' i Jesoa ny batisan' ireo Fariseo; nanome ny lalàn' i Mosesy Izy.)

18 Dia hoy ireo Fariseo Taminy: Nahoana ianao no tsy ta handray anay miaraka amin' ny batisanay kanefa izahay mitandrana ny lalàna iray manontolo?

19 Fa hoy i Jesoa taminy: Tsy mitandrana ny lalàna ianareo. Raha nitandrana ny lalàna ianareo dia ho nandray Ahy, fa izaho no Izy izay nanome ny lalàna.

20 Tsy mandray anareo miaraka amin' ny batisanareo Aho satria tsy mahasoana anareo na amin' ny inona na amin' ny inona izany.

21 Fa rehefa tonga izay vaovao dia vonona ny olona ny hampirina ny tonta.

DJS, Matio 16:25–26 (ampitahao amin' ny Matio 16:24)

(Ny hevitra ny fehezanteny hoe “mitondra ny hazofijalian' i Jesoa” dia ny mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra.)

25 Dia hoy i Jesoa tamin' ny mpianany: Raha misy olona ta hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy.

26 Ary ankehitriny ho an' ny olona, ny mitondra ny hazofijaliany dia ny mandà amin' ny tenany ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra mba-min' ny filandratsin' izao tontolo izao rehetra ary ny mitandrana ny didiko.

DJS, Matio 17:10–14 (ampitahao amin' ny Matio 17:11–13)

(Elia anankiroa no tsy maintsy ho avy—ny anankiray mba hanomana ary ny anankiray hafa mba hampody ho amin' ny laoniny indray.)

10 Ary namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe: Ho avy marina tokoa aloha i Elia hamerina indray ny zava-drehetra araka izay efa voasoratra ny mpaminany.

11 Ary lazaiko aminareo indray fa efa tonga sahadry i Elia, izay toy izao no voasoratra momba azy: Indro handefa ny irako Aho ary izy hanomana ny lalana eo anoloako; ary tsy fantatr' izy ireo izy ary efa nataon' izy ireo taminy izay tiany.

12 Dia tahaka izany koa no hampijalian' izy ireo ny Zanak' olona.

13 Nefa lazaiko aminareo, iza i Elia? Indro, izy no Elia, dia izay irahiko hanomana ny lalana eo anoloako.

14 Dia azon' ny mpianatra fa niteny taminy ny momba an' i Jaona Mpanao Batisa Izy, ary koa ny momba ny iray hafa izay ho avy ka hamerina indray ny zava-drehetra araka izay voasoratra ny mpaminany.

DJS, Matio 18:11 (ampitahao amin' ny Matio 18:11; jereo koa ny Môrônia 8)

(Tsy mila fibebahana ny ankizy madinika.)

11 Fa tonga ny Zanak' olona hamonjy izay efa very sy hiantso ny mpanota

ho amin' ny fibebahana; fa ireto madi-nika ireto dia tsy mila mibebaka, ary hovonjeko ireo.

DJS, Matio 19:13 (ampitahao amin' ny Matio 19:13)

(Hovonjena ny ankizy madinika.)

13 Tamin' izay dia nisy ankizy madi-nika nentina teo Aminy mba hametra-hany ny tanany aminy sy hivavahany ho azy ireny. Ary nolevileven' ny mpianatra izy ireo sady nataony hoe: Tsy ilaina izany, satria i Jesoa no efa nilaza fa hovonjena ny toy ireny.

DJS, Matio 21:33 (ampitahao amin' ny Matio 21:32–33)

(Tsy maintsy mibebaka ny olona vao afaka ny hino an' i Kristy.)

33 Fa izay tsy nino an' i Jaona momba Ahy, dia tsy afaka ny hino Ahy raha tsy mibebaka izy aloha.

DJS, Matio 21:47–56 (ampitahao amin' ny Matio 21:45–46)

(Nilaza i Jesoa fa Izy no vato fehizoro. Ny filazantsara dia atolotra ny Jiosy, ary rehefa izany dia atolotra ny Jentilisa. Hofongorana ny olon-dratsy rehefa mive-rina indray i Jesoa.)

47 Ary nony efa nandre ny fanoharana ireo lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo, dia nahatakatra izy ireo fa Izy dia niresaka momba azy ireo.

48 Ary nifampiresaka izy ireo hoe: Moa va mihevitra ity lehilahy ity fa Izy irery dia afaka mandrava ity fanjakana lehibe ity? Dia tezitra taminy izy ireo.

49 Saingy nony nokatsahiny ny hisambotra Azy, dia natahorany ny vahoaka, satria fantany fa ny vahoaka dia nihevitra Azy ho mpaminany.

50 Ary ankehitriny dia nanatona Azy ny mpianany, ary hoy i Jesoa taminy: Talanjona va ianareo amin' ny tenin' ny fanoharana izay noteneniko taminy?

51 Lazaiko aminareo marina tokoa, Izaho no vato ary ireo olon-dratsy ireo dia mitsipaka Ahy.

52 Izaho no vato fehizoro. Ireo Jiosy

ireo dia hifanditra Amiko ka ho toro-toro.

53 Ary ny fanjakan' Andriamanitra dia hoesorina aminy ka homena ny firenena mampahavokatra izany; (izany hoe ny Jentilisa.)

54 Koa na zovy na zovy no hianjeran' izany vato izany dia hanorotro azy ho vovoka izany.

55 Ary rehefa avy ny Tompon' ny tanimboaloboka dia hofongorany ireo lehilahy mavany sy ratsy ireo, ka havelany ho an' ireo mpiasa tany hafa ny tanimboalobony, dia amin' ny andro farany, izay hamerina Aminy ny voa-ny amin' ny vanim-potoany.

56 Ary tamin' izay dia azon' izy ireo ny fanoharana izay noteneniny taminy, fa ny Jentilisa dia hofongorana koa rehefa hidina avy any an-danitra ny Tompo mba hanjaka eo amin' ny tanimboalobony, izay ny tany sy ny mponina eo aminy.

DJS, Matio 23:6 (ampitahao amin' ny Matio 23:9)

(Izy izay any an-danitra no mpahary antsika.)

6 Ary aza milaza olona ety an-tany ho mpahary anareo na ho Rainareo any an-danitra; fa iray ihany no mpahary anareo sady Rainareo any an-danitra, dia Izy izay any an-danitra.

DJS, Matio 26:22, 24–25 (ampitahao amin' ny Matio 26:26–29; DJS, Marka 14:20–25)

(Naorin' i Jesoa ny fanasan' ny Tompo.)

22 Ary raha mbola nihinana izy ireo, dia nandray mofo i Jesoa ary namaky izany sy nitahy izany ary nanolotra ny mpianany sady nanao hoe: Raiso, hano; izao dia ho fahatsiarovana ny vatako izay omeko ho onitra ho anareo.

24 Fa izao dia ho fahatsiarovana ny rako, dia ny amin' ny fanekempihavana-na vaovao, izay alatsaka ho an' izay rehetra hino ny anarako, ho famelana ny fahotany.

25 Ary omeko anareo ny didy mba hoezahanareo ny hanao ny zavatra izay

efa hitanareo fa ataoko sy ny ho vavolombelona hanambara Ahy hatramin' ny farany.

DJS, Matio 27:3–6 (ampitahao amin' ny Matio 27:3–5; Asa 1:18)

(*Fitantarana ny fahafatesan' i Jodasy.*)

3 Tamin' izay i Jodasy ilay namadika Azy, rehefa nahita fa voaheloka izy, dia nanenina ka namerina ny volafo-tsy telopolo tamin' ireo lohandohan' ny mpisorona sy ny loholona,

4 Nanao hoe: Efa nanota aho tamin' ny namadihako ra tsy manan-tsiny.

5 Ary hoy ireo taminy: Ahoanay inona izany? Raharahanao ny anao; aoka ho aminao ny fahotanao.

6 Dia nanipy ireo volafotsy teo amin' ny tempoly izy ary lasa nandeha ka nanantona ny tenany tamin' ny hazo. Ary potraka nihohoka teo no ho eo izy ka nivaroraka ny tsinainy, ary maty izy.

DJS, Marka 9:3 (ampitahao amin' ny Marka 9:4)

(*Teo an-tendrombohitra niovan-tarehy i Jaona Mpanao Batisa.*)

3 Ary teo no nisehoan' i Elia sy i Mosesy, na amin' ny teny hafa, i Jaona Mpanao Batisa sy i Mosesy tamin' izy ireo; ary niresaka tamin' i Jesoa izy ireo.

DJS, Marka 9:40–48 (ampitahao amin' ny Marka 9:43–48)

(*Ny fanapahana ny tanana na ny tongotra manafintohina dia oharina amin' ny fam-pitsaharana ny fifaneraserana izay mety hitarika ny olona iray haniafia.*)

40 Koa raha manafintohina anao ny tananao dia tapaho izy hiala; na raha manafintohina anao ny rahalahinao ka sady tsy mibaboka no tsy mahafofy izany dia hosarahina izy hiala. Tsara kokoa ho anao ny miditra kilemaina any amin' ny fiainana, noho ny manana tanana roa nefa mandeha any amin' ny helo.

41 Fa tsara kokoa ho anao ny miditra any amin' ny fiainana tsy miaraka amin' ny rahalahinao, noho ny hani-

pazana anao sy ny rahalahinao any amin' ny helo; any amin' ny afo izay tsy hovanoina na oviana na oviana, izay tsy maty ny kankany ary tsy vonoina ny afo.

42 Ary ankoatra izany, raha manafintohina anao ny tongotrao dia tapaho izy hiala; fa izy izay fakan-tahaka ho anao, izay amin' ny alalany no andehananao, raha tonga mpamadika lalana izy dia hotapahina hiala.

43 Tsara kokoa ho anao ny miditra mandringa any amin' ny fiainana noho ny manana tongotra roa mba hatsipy any amin' ny helo; any amin' ny afo izay tsy hovanoina na oviana na oviana.

44 Ka aoka ny olona tsirairay hijoro na ho lavo noho ny amin' ny tenany ihany fa tsy noho ny amin' ny olona iray hafa na noho ny fitokiana olona iray hafa.

45 Milà torohevitra amin' ny Raiko dia ho to izany amin' io fotoana io indrindra izay hangatahinareo, raha mangataka amin' ny finoana ianareo sady mino fa handray.

46 Ary raha ny masonao izay mahita ho anao, izy ilay voatendry hiambina anao mba hampiseho aminao ny hazavana, no tonga mpamadika lalana ary manafintohana anao, dia ongoty izy hiala.

47 Tsara kokoa ho anao ny miditra toka-maso any amin' ny fanjakan' Andriamanitra noho ny manana maso roa mba hatsipy any amin' ny helo afo.

48 Fa tsara kokoa ny hamonjena anao noho ny hanipazana anao miaraka amin' ny rahalahinao any amin' ny helo izay tsy maty ny kankany ary tsy vonoina ny afo.

DJS, Marka 12:32 (ampitahao amin' ny Marka 12:27)

(*Andriamanitra dia tsy Andriamanitry ny maty, satria manangana ny maty avy ao am-pasany Izy.*)

32 Koa tsy Andriamanitry ny maty Izy fa Andriamanitry ny velona; fa manangana azy ireo avy ao am-pasana Izy. Koa mandiso izaitsizy tokoa ianareo.

DJS, Marka 14:20–25 (ampitahao amin' ny Marka 14:22–25; DJS, Matio 26:22, 24–25)

(*Naorin' i Jesoa ny fanasan' ny Tompo.*)

20 Ary raha nihinana izy ireo, dia nandray mofo i Jesoa ary nitahy sady namakivaky izany ka nanome azy ireo ary nanao hoe: Raiso ity ary hano.

21 Indro, izao no hataonareo ho fahatsiarovana ny vatako; fa isaky ny manao izao ianareo dia hahatsiaro ity ora izay niarahako taminareo ity.

22 Dia nandray ny kapoaka Izy ka rehefa avy nisaotra dia nanome izany azy ireo; ary nisotro tamin' izany avokoa izy ireo.

23 Ary hoy izy taminy: Izao no fahatsiarovana ny rako izay alatsaka ho an' ny maro sy ny fanekempihavanana vaovao izay omeko anareo; fa ny momba Ahy no hijoroanareo ho vavolombelona manerana izao tontolo izao.

24 Ary isaky ny manao izao ôrdônansy izao ianareo, dia hahatsiaro Ahy amin' izao ora izay niarahako taminareo sy niarahako nisotro taminareo tamin' ity kapoaka ity izao, dia ny fotoana farany tamin' ny asa fanompoako.

25 Lazaiko aminareo marina tokoa, ny amin' izany no hijoroanareo ho vavolombelona; fa tsy hiara-hisotro aminareo intsony amin' ny vokatry ny voaloboka Aho mandra-pahatongan' ny andro hisotroako izay vaovao ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

DJS, Marka 14:36–38 (ampitahao amin' ny Marka 14:32–34)

(*Na dia ny sasany tamin' ny Roambinifolalahy aza tao Getsemane dia tsy nahatakatra tanteraka ny anjara asan' i Jesoa amin' ny maha-Mesia Azy.*)

36 Ary tonga teo amin' ny toerana izay atao hoe Getsemane, izay saha, izy ireo; ary ny mpianatra dia nanomboka ho very hevitra izaitsizy sy ho nitebiteby fatratra ary nitaraina tao am-pony, velom-panontaniana raha ity no Mesia.

37 Ary nahalala ny tao am-pon' izy ireo i Jesoa ka nilaza tamin' ny mpia-

nany hoe: Mitomoera ianareo raha mbola hivavaka Aho.

38 Ary nitondra an' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona niaraka taminy Izy, ka nandevilevy azy ireo ary nanao taminy hoe: Fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty aza; mitoera eto ary miareta toray.

DJS, Marka 16:3–6 (ampitahao amin' ny Marka 16:4–7; toy izany koa ny fanovana natao tao amin' ny Matio 28:2–8; ampitahao amin' ny Lioka 24:2–4)

(*Anjely anankiroa niarahaba ireo vehivavy teo amin' ny fasan' ny Mpamonjy.*)

3 Fa nony nijery izy ireo dia nahita fa efa voakodia niala ny vato, (fa lehibe dia lehibe izany) ary anjely roa no nipetraka teo amboniny, nanao akanjo fotsy lava; dia natahotra izy ireo.

4 Fa hoy ireo anjely taminy: Aza matahotra; mitady an' i Jesoa avy any Nazareta izay nohomboana ianareo; efa nitsangana Izy; tsy ato Izy; jereo ny toerana izay nampandriany Azy;

5 Dia mandehana ka lazao amin' ny mpianany sy i Petera fa mialoha lalana anareo any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy araka izay nolazainy taminareo.

6 Ary nony niditra tao am-pasana izy ireo dia nahita ny toerana nampandrian' izy ireo an' i Jesoa.

DJS, Lioka 1:8 (ampitahao amin' ny Lioka 1:8)

(*Nanatanteraka ny andraikitry ny fisoronana i Zakaria, rain' i Jaona Mpanao Batisa.*)

8 Ary raha nanatontosa ny anjara fanompoan' ny mpisorona teo anoloan' Andriamanitra izy, araka ny lamin' ny fisoronany,

DJS, Lioka 2:46 (ampitahao amin' ny Lioka 2:46)

(*Ireo mpampianatra tao amin' ny tempoly dia nihaino an' i Jesoa ary nanao fanontaniana Taminy.*)

46 Ary ny zava-nitranga, nony afaka telo andro, dia hitany teo amin' ny

tempoly Izy, nipetraka teo afovoan' ny mpampianatra, ary ireo dia nihaino Azy sady nanao fanontaniana Taminy.

DJS, Lioka 3:4–11 (ampitahao amin' ny Lioka 3:4–6)

(Ho avy i Kristy hanatanteraka faminiana, hanaisotra fahotana, hitondra famonjena ary ho fahazavana, ary Izy dia ho avy amin' ny andron' ny hery sy ny fotoam-fahafenoana.)

4 Araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' i Isaia mpaminany, ary izao no teny, manao hoe: Ny feon' ilay miantso any an' efitra, Omanonareo ny lalan' ny Tompo ary ataovy mahitsy ny lalany.

5 Fa indro, ka jereo, ho avy Izy, araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' ireo mpaminany, hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao sy hitondra famonjena ho an' ireo firenena mpanompo sampy, hanangona ireo izay very, izay avy amin' ny valan' ondrin' i Isiraely;

6 Eny, dia ny miely patrana sy ny mijaly; ary koa hanomana ny lalana sy hanao izay hahazoana mitory ny filazantsara amin' ny Jentilisa.

7 Ary ho fahazavana ho an' ireo rehe-tra izay mipetraka ao amin' ny haizina, hatrany amin' ny faran' ny tany; hanatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty, ary hiakatra any amin' ny avo ka hipetraka eo an-tanana ankavanan' ny Ray,

8 Mandra-pahatongan' ny fahafenoan' ny fotoana, ary ny lalana sy ny teniva-volombelona dia hofehezina, ary ireo fanalahidin' ny fanjakana dia hatolotra ny Ray indray;

9 Hampihatra fahamarinana amin' ny rehetra; hidina amin' ny fitsarana eo amin' ny rehetra ary handresy lahatra ny rehetra tsy araka an' Andriamanitra amin' ny ataon' izy ireo tsy araka an' Andriamanitra, izay efa vitan' izy ireo; ary izany rehetra izany dia amin' ny andro izay hiaviany;

10 Fa izany dia andron' ny hery; eny, ny lohasaha rehetra dia hofotofana ary ny tendrombohitra sy ny havoana rehe-tra dia haetry; ny meloka hahitsy ary ny mikitoantoana hatao marin-tampona;

11 Dia hahita ny famonjen' Andriamanitra ny nofo rehetra.

DJS, Lioka 11:53 (ampitahao amin' ny Lioka 11:52)

(Ny fahafenoan' ny soratra masina no fanalahidin' ny fahalalana.)

53 Lozanareo mpahay lalana! Satria efa nesorinareo ny fanalahidin' ny fahalalana, ny fahafenoan' ny soratra masina; ianareo tsy miditra ao amin' ny fanjakana; ary ireo izay te hiditra ao dia nosakananareo.

DJS, Lioka 12:9–12 (ampitahao amin' ny Lioka 12:9–10)

(Tsy ho voavela heloka ny fanevatevana ny Fanahy Masina.)

9 Fa izay mandà Ahy eo anoloan' ny olona dia holavina eo anoloan' ireo anjelin' Andriamanitra.

10 Ankehitriny dia fantatry ny mpianany fa niteny izany Izy satria efa nanevateva Azy teo anoloan' ny vahoaka izy ireo; fa natahorany ny hanaiky Azy eo anoloan' ny vahoaka.

11 Ary nifandahatra izy ireo, nanao hoe: Mahalala ny ao am-pontsika Izy ary miteny ho fanamelohana antsika, ka tsy ho voavela heloka isika. Fa Izy namaly azy ireo, nanao taminy hoe:

12 Na zovy na zovy no hanao teny hanohitra ny Zanak' olona nefa mibebaka, dia ho voavela heloka izy; fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina dia tsy ho voavela heloka.

DJS, Lioka 12:41–57 (ampitahao amin' ny Lioka 12:38–48)

(Isika dia tsy maintsy vonona mandrakariva ho amin' ny fiavian' ny Tompo.)

41 Fa indro, avy Izy amin' ny fiambenana voalohany amin' ny alina, ary ho avy koa Izy amin' ny fiambenana faharoa, ary ho avy indray Izy amin' ny fiambenana fahatelo.

42 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, Efa tonga sahady izy araka izay voasoratra momba Azy; ary rehefa ho avy indray amin' ny fiambenana faharoa

Izy, na ho avy amin' ny fiambenana fahatelo, dia sambatra ireo mpanompo izay hitany manao izany rehefa avy Izy;

43 Fa ny Tompon' ireo mpanompo ireo dia hisikina ary hampipetraka azy ireo ka hampihinana sy handroso ary hanompo azy ireo.

44 Ary ankahitriny dia lazaiko aminareo marina tokoa ireo zavatra ireo mba hahafantaranareo izao, fa ny fiavian' ny Tompo dia toy ny mpangalatra amin' ny alina.

45 Ary izany dia tahaka ny lehilahy izay tompon-trano, izay raha tsy miambina ny fananany dia tonga ny mpangalatra, amin' ny ora izay tsy ampoiziny, maka ny fananany ary mizara izany amin' ny namany.

46 Ary nifampiresaka izy ireo hoe: Raha nahafantatra ny ora hiavian' ny mpangalatra ilay tompon-trano dia ho niambina izy ka tsy ho namela ny tranony hotamina ary tsy ho namela ny fahaverezan' ny fananany.

47 Ary hoy Izy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa, aoka koa ianareo ho vonona; fa ny Zanak' olona dia avy amin' ny ora izay tsy ampoizinareo.

48 Dia hoy i Petera taminy: Tompoko, milaza izany fanoharana izany aminay va Ianao sa amin' ny rehetra?

49 Ary hoy ny Tompo; Miteny amin' ireo izay hataon' ny Tompo ho mpanapaka amin' ny ankohonany Aho, mba hanome ny zanany ny anjara haniny ara-potoana.

50 Dia hoy izy ireo: iza ary io mpanompo mahatoky sady hendry io?

51 Ary hoy ny Tompo taminy: Io ilay mpanompo izay miambina ka mizara ny anjara haniny ara-potoana.

52 Sambatra io mpanompo io izay ho hitan' ny Tompony manao izany rehefa avy Izy.

53 Lazaiko aminareo marina tokoa fa hataony mpanapaka amin' izay ananany rehetra izy.

54 Fa ny mpanompo ratsy kosa dia ilay tsy hita miambina. Ary raha tsy hita miambina ity mpanompo ity dia hitehy ny anakampo hoe: Mampitaredretra ny fiaviany ny Tompoko; ka hanom-

boka hikapoka ny mpanompolahiny sy mpanompovaviny izy ary hihinana sy hisotro ary ho mamo.

55 Ho avy ny Tompon' ity mpanompo ity amin' ny andro izay tsy ampoiziny ary amin' ny ora izay tsy fantany, ka hanafay azy ary hanome ny anjarany any amin' ny tsy mpino.

56 Ary ity mpanompo, izay nahalala ny sitrapon' ny Tompony ity saingy tsy niomana ho amin' ny fiavian' ny Tompony sady tsy nanao araka ny sitrapony, dia hahazo kapoka be.

57 Fa ilay tsy nahafantatra ny sitrapon' ny Tompony kosa ka nahavita zavatra izay tokony hikapohana azy dia hahazo kapoka kely. Fa izay nomena be dia be no hotakiana be; ary izay efa nanankinan' ny Tompo be dia ho bebe kokoa no hangatahin' ny olona aminy.

DJS, Lioka 16:16–23 (ampitahao amin' ny Lioka 16:16–18)

(*Nofaritan' i Jesoa ny toe-javatra manodidina ny fanoharana momba ilay lehilahy manan-karena sy i Lazarosy.*)

16 Ary hoy izy ireo taminy: Manana ny lalàna sy ny mpaminany izahay; fa raha ny amin' ity lehilahy ity kosa dia tsy horaisinay ho mpanapaka anay Izy; fa Izy no manao ny tenany ho mpitsara anay.

17 Dia hoy i Jesoa taminy: Ny lalàna sy ny mpaminany dia vavolombelona manambara Ahy; eny, ary ny mpaminany rehetra izay efa nanoratra, na dia hatramin' i Jaona aza, dia efa nilaza mialoha ny amin' ireo andro ireo.

18 Hatramin' izany fotoana izany no efa notoriana ny fanjakan' Andriamanitra, ary ny olona tsirairay izay mikatsaka fahamarinana dia mibosesika ho amin' izany.

19 Ary mora kokoa ny hahalevona ny lanitra sy ny tany noho ny hahafonana ny bitika indrindra amin' ny lalàna.

20 Ary nahoana ianareo no mampianatra ny lalàna nefa mandà izay voasoratra; ary manameloka ilay efa nirahan' ny Ray hanatanteraka ny lalàna mba hahazoana manavotra anareo rehetra?

21 Ry adala! fa ianareo efa nanao ana-

kampo hoe: Tsy misy Andriamanitra. Ary avilinareo ny lala-mahitsy; ary ny fanjakan' ny lanitra dia anaovanareo herisetra; ary enjehinareo ny malemy fanahy; ary amin' ny herisetranareo no ikatsahanareo handravana ny fanjakana; ary alainareo amin-kery ireo zanaky ny fanjakana. Lozanareo, ianareo mpanitsakitsa-bady!

22 Ary niteny ratsy azy indray izy ireo satria tezitra noho ny filazana fa mpanitsakitsa-bady izy ireo.

23 Fa nanohy Izy sady nanao hoe: Na zovy na zovy no misao-bady ary mampakatra iray hafa dia manitsakitsa-bady; ary na zovy na zovy no mampakatra ilay efa nisaoran' ny vadiny dia manitsakitsa-bady. Lazaiko aminareo marina tokoa, hohariko amin' ilay lehilahy manan-karena ianareo.

DJS, Lioka 17:21 (ampitahao amin' ny Lioka 17:20–21)

(Efa tonga sahadry ny fanjakan' Andriamanitra.)

21 Tsy hiteny koa izy ireo hoe: Indro aty! na Indro ary! Fa indro, ny fanjakan' Andriamanitra efa tonga eo aminareo sahadry.

DJS, Lioka 17:36–40 (ampitahao amin' ny Lioka 17:37)

(Nohazavan' i Jesoa ny fanoharana momba ny fanangonana ireo marina.)

36 Ary izy ireo namaly ka nanao taminy hoe: Aiza, Tompo, no hoentina izy ireo?

37 Ary hoy Izy taminy: any amin' izay anangonana ny vatana; na, amin' ny teny hafa, any amin' izay anangonana ny olomasina, eo amin' izany no hiarahan' ny voromahery miangona; na, eo amin' izany no hiarahan' ireo sisa miangona.

38 Izany no noteneniny ka nampahafantarany ny fanangonana ny olomasi-ny; ary ny amin' ireo anjely izay midina sady manangona ny olona sisa amin' izy ireo; ny iray avy eo am-pandriana, ny iray hafa avy eo amin' ny fikosohambary, ary ny iray hafa avy any an-tsaha, na avy aiza na avy aiza tiany.

39 Fa marina tokoa fa hisy lanitra vaovao sy tany vaovao izay itoeran' ny fahamarinana.

40 Ary tsy hisy zavatra tsy madio; fa ny tany dia hanjary tonta, toy ny fitafiana nitombo tao amin' ny fahalovana, koa manjavona izany, ary ny fitoeran-tongony dia mijanona ho masina, voadio amin' ny fahotana rehetra.

DJS, Lioka 18:27 (ampitahao amin' ny Lioka 18:27)

(Ny fitokiana amin' ny harena dia misakana ny olona tsy hiditra ny fanjakan' Andriamanitra.)

27 Ary hoy Izy taminy: Tsy hain' ireo izay mitoky amin' ny harena ny miditra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; fa izay mahafoy ireo zavatra izay avy amin' izao tontolo izao, dia ho azon' Andriamanitra atao ny mampiditra azy ao.

DJS, Lioka 21:24–26 (ampitahao amin' ny Lioka 21:24–26)

(Nohazavan' i Jesoa ireo famantarana ny amin' ny fiaviany.)

24 Ankehitriny dia ireny zavatra ireny no noteneniny taminy momba ny fandravana an' i Jerosalema. Ary tamin' izay dia nanontany Azy ny mpianany nanao hoe: Mpampianatra ô, lazao aminay ny momba ny fiavianao?

25 Ary Izy namaly azy ireo nanao hoe: Ao amin' ny taranaka izay hahatanterahan' ny fotoan' ny Jentilisa, dia hisy famantarana eny amin' ny masoandro sy eny amin' ny volana ary eny amin' ny kintana; ary etỳ an-tany ny fahorian' ireo firenena noho ny fahaverezan-kevitra, toy ny ranomasina sy ny onja mirohondrohona. Hisavorovoro koa ny tany sy ny rano lalim-be;

26 Ho reraka ny fon' ny olona noho ny tahotra sy ny fiandrasana ireo zavatra izay ho tonga etỳ an-tany ireo. Fa ho hozongozonina ny herin' ny lanitra.

DJS, Lioka 21:32 (ampitahao amin' ny Lioka 21:32)

(Ho tanteraka ny zava-drehetra rehefa tanteraka ny fotoan' ny Jentilisa.)

32 Lazaiko aminareo marina tokoa, ity taranaka ity, ny taranaka izay hahatanterahan' ny fotoan' ny Jentilisa dia tsy ho lany mandra-pahatanteraka ny zava-drehetra.

DJS, Lioka 23:35 (ampitahao amin' ny Lioka 23:34)

(Nangatahin' i Jesoa ny hamelana ny helok' ireo miaramila Romana izay nanombo Azy.)

35 Dia hoy i Jesoa: Ray ô, mamelà ny helony; fa tsy fantany izay ataony (ireo miaramila izay nanombo Azy no nolazainy amin' izany), ary nifampizara ny fitafiany izy ireo ka nanao an-tsapaka.

DJS, Jaona 1:1–34 (ampitahao amin' ny Jaona 1:1–34)

(Efa notoriana hatrany am-piandohana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Elià iray [i Jaona Mpanao Batisa] no hanomana ny lalana ho an' i Kristy, ary Elià iray hafa kosa [i Kristy] no hamerina ny zava-drehetra ho amin' ny laoniny.)

1 Tany am-piandohana dia notoriana tamin' ny alalan' ny Zanaka ny filazantsara. Ary ny filazantsara dia ny teny, ary ny teny dia niaraka tamin' ny Zanaka, ary ny Zanaka niaraka tamin' Andriamanitra, ary ny Zanaka dia avy amin' Andriamanitra.

2 Izy dia niaraka tamin' Andriamanitra tany am-piandohana.

3 Ny zavatra rehetra dia natao tamin' ny alalany; ary raha tsy Izy dia tsy nisy na inona na inona natao ka hary.

4 Tao aminy ny filazantsara, ary ny filazantsara no fiainana, ary ny fiainana no fahazavan' ny olona;

5 Ary mamirapiratra eo amin' izao tontolo izao ny fahazavana, ary izao tontolo izao tsy nahatakatra azy.

6 Nisy lehilahy nirahan' Andriamanitra, i Jaona no anarany.

7 Tonga teto amin' izao tontolo izao izy hijoro ho vavolombelona, ho vavolombelona hanambara ny hazavana, ho vavolombelona hanambara ny filazantsara amin' ny rehetra amin' ny alalan' ny Zanaka, mba ho amin' ny alalany no hahazoan' ny olona mino.

8 Tsy ilay fahazavana izy, saingy tonga mba ho vavolombelona hanambara ilay fahazavana,

9 Dia ilay fahazavana marina, izay manazava ny olona tsirairay izay tonga eto amin' izao tontolo izao;

10 Dia ny Zanak' Andriamanitra. Izy izay teto amin' izao tontolo izao, ary izao tontolo izao dia natao tamin' ny alalany, ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy.

11 Tonga tany amin' ny azy Izy, ary ny azy tsy nandray Azy.

12 Fa izay rehetra nandray Azy, ireo no nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra; ireo izay mino ny anarany ihany.

13 Nateraka Izy, tsy tamin' ny ra, na tamin' ny sitrapon' ny nofo, na tamin' ny sitrapon' ny olona, fa naterak' Andriamanitra.

14 Ary ny teny tonga nofo ka nonina teo amintsika, ary hitanay ny voninahiny, ny voninahitra toy ny an' ny Zanaka Lahitokan' ny Ray, feno fahasoavana sy fahamarinana.

15 Jaona dia vavolombelona nanambara Azy ka niantso nanao hoe: Ity no Izy izay nolazaiko; Izy no avy ao aoriana; izay efa tiana kokoa noho izaho; satria talohako Izy.

16 Fa tany am-piandohana ny Teny, dia ny Zanaka, izay tonga nofo, ary nirahin' ny sitrapon' ny Ray ho amin-tsika. Ary izay rehetra mino ny anarany dia handray amin' ny fahafenoany. Ary tamin' ny fahafenoany no efa nandraisantsika rehetra, dia tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay tamin' ny alalan' ny fahasoavany.

17 Fa ny lalàna dia nomena tamin' ny alalan' i Mosesy, fa ny fiainana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy.

18 Fa ny lalàna dia araka ny didy momba ny nofo ka mifara amin' ny fahafatesana; fa ny filazantsara kosa dia araka ny herin' ny fiainana tsisy fiafarany, tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, ilay Zanaka Lahitokana izay eo an-tran' ny Ray.

19 Tsy nisy olona nahita an' Andria-

manitra na oviana na oviana afa-tsy izay vavolombelona nanambara ny Zanaka; fa raha tsy tamin' ny alalany, dia tsy hisy olona azo vonjena.

20 Ary izao no tenivavolombelon' i Jaona rehefa nirahin' ny Jiosy ireo mpi-sorona sy ny Levita avy tany Jerosalema hanontany azy hoe: Iza moa ianao?

21 Dia niaiky izy sady tsy nandà fa izy no Elià; saingy niaiky izy nanao hoe: Tsy izaho no Kristy.

22 Ary izy ireo nanontany azy nanao hoe: Ahoana àry no maha Elià anao? Ary hoy izy: Tsy izaho ilay Elià izay tokony hamerina ny zava-drehetra ho amin' ny laoniny. Ary izy ireo nanontany azy nanao hoe: Ianao àry ve ilay mpaminany? Ary namaly izy hoe: Tsia.

23 Dia hoy izy ireo taminy: Iza àry ianao? Mba hahazoanay manome valinteny ho an' ireo izay naniraka anay. Inona no lazainao momba ny tenanao?

24 Hoy izy: Izaho no feon' ilay miantso any an' efitra hoe: Ataovy mahitsy ny lalan' ny Tompo araka ny tenin' i Isaia mpaminany.

25 Ary ireo izay nirahana dia avy tamin' ny Fariseo.

26 Ary ireo nanontany azy ary nanao taminy hoe: Nahoana àry ianao no manao batisa raha tsy ianao no Kristy, na Elia izay tokony hamerina ny zava-drehetra amin' ny laoniny, no sady tsy ilay mpaminany?

27 Namaly azy ireo i Jaona nanao hoe: Izaho manao batisa amin' ny rano, fa misy anankiray mijoro eo anivonareo, izay tsy fantatrareo;

28 Izy ilay ijoroako ho vavolombelona. Izy ilay mpaminany, dia i Elia, izay avy ao aoriako sady tiana kokoa noho izaho, ka tsy mendrika hamaha ny fehikapany akory aho, ary tsy ho haiko soloana ny toerany; fa tsy hanao batisa amin' ny rano fotsiny Izy fa amin' ny afo koa sy amin' ny Fanahy Masina.

29 Nony ampitso dia hitan' i Jaona tamy nanatona azy i Jesoa, ary hoy izy: Indro ny Zanakondrin' Andriamantitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao!

30 Ary i Jaona dia vavolombelona

nanambara Azy tamin' ny olona, nanao hoe: Ity no Izy izay nolazaiko; avy ao aoriako ilay lehilahy izay tiana kokoa noho izaho; fa talohako Izy, ary nahalala Azy aho fa tsy maintsy aseho amin' ny Isiraely Izy; koa tonga aho hanao batisa amin' ny rano.

31 Ary i Jaona dia vavolombelona nanambara, nanao hoe: Nony efa vitako batisa Izy, dia hitako ny Fanahy nidina avy any an-danitra tahaka ny voromahailala ary nitoetra teo amboniny.

32 Ary izaho nahalala Azy; fa ilay naniraka ahy hanao batisa amin' ny rano no nanao tamiko hoe: Eo amin' izay ho hitanao hidinan' ny Fanahy ka hitoerany eo aminy, dia Izy ilay manao batisa amin' ny Fanahy Masina.

33 Dia nahita aho ary vavolombelona nanambara fa ity no Zanak' Andriamanitra.

34 Ireo zavatra ireo dia vita teo Beta-bara, eny andafin' i Jordana, izay nanaovan' i Jaona batisa.

DJS, Jaona 1:42 (ampitahao amin' ny Jaona 1:42)

(*Kefasy dia midika hoe "mpahita" na "vato."*)

42 Dia nitondra azy ho eo amin' i Jesoa izy. Ary nony nijery azy i Jesoa, dia hoy Izy: Ianao no Simona, zanak' i Jona, hantsoina hoe Kefasy ianao, izany hoe, mpahita, na vato, raha adika. Ary mpanarato izy ireo. Dia nandao ny zavany rehetra niaraka tamin' izay izy ireo ary nanaraka an' i Jesoa.

DJS, Jaona 4:1-4 (ampitahao amin' ny Jaona 4:1-2)

(*Nanao batisa i Jesoa.*)

1 Koa rehefa ren' ny Fariseo fa maro kokoa noho ny an' i Jaona ireo mpianatra azon' i Jesoa sy nataony batisa,

2 Dia nokatsahiny fatratra tokoa ny fomba izay ahazoany mamono azy ho faty; fa maro no nandray an' i Jaona ho mpaminany, saingy tsy nino an' i Jesoa.

3 Ankehitriny dia fantatry ny Tompo izany na dia tsy nanao batisa maro noho ny mpianany aza Izy tenany;

4 Fa namela azy ireo ho fianarana Izy mba hifankatiavany bebe kokoa.

DJS, Jaona 4:26 (ampitahao amin' ny Jaona 4:24)

(Efa nampanantenain' Andriamanitra tamin' ireo tena mpino ny Fanahiny.)

26 Fa ho an' ny toy izany no efa nampanantenain' Andriamanitra ny Fanahiny. Ary ireo izay midera Azy dia tsy maintsy midera amin' ny fanahy sy amin' ny fahamarinana.

DJS, Jaona 13:8–10 (ampitahao amin' ny Jaona 13:8–10)

(Nosasan' i Jesoa ny tongotr' ireo Apostoly.)

8 Hoy i Petera taminy: Tsy tokony hanasa ny tongotro Ianao. Namaly azy i Jesoa hoe: Raha tsy sasako ianao dia tsy miara-manana anjara amiko.

9 Hoy i Simona Petera taminy: Tom-poko, tsy ny tongotro ihany àry fa ny tanako sy ny lohako koa.

10 Hoy i Jesoa taminy: Izay efa nanasa ny tanany sy ny lohany dia tsy tokony hanasa afa-tsy ny tongony, fa efa madio ny tenany manontolo; ary efa madio ianareo, nefa tsy ianareo rehetra. Ankehitriny dia izany no fomban' ny Jiosy araka ny lalàny; koa i Jesoa dia nanao izany mba hahatanteraka ny lalàna.

DJS, Jaona 14:30 (ampitahao amin' ny Jaona 14:30)

(Ny printsin' ny haizina, na i Satana, dia avy amin' izao tontolo izao.)

30 Tsy hiresaka firy aminareo Aho hatrizao; fa avy ny printsin' ny haizina, izay avy amin' izao tontolo izao, nefa tsy manana fahefana amiko izy fa manana fahefana kosa aminareo.

DJS, Asa 9:7 (ampitahao amin' ny Asa 9:7; Asa 22:9)

(Ireo izay niaraka tamin' i Paoly tamin' ny fiovam-pony dia nahita hazavana, saingy tsy nandre feo izy ireo na nahita ny Tompo.)

7 Ary ireo izay nandeha niaraka taminy dia nahita tokoa ny hazavana ary natahotra; saingy tsy nandre ny feon' izay niteny taminy izy ireo.

DJS, Romana 4:16 (ampitahao amin' ny Romana 4:16)

(Na ny finoana na ny asa, amin' ny alalan' ny fahasoaavana, dia ilaina ho amin' ny famonjena.)

16 Koa ianareo dia hamarinina amin' ny finoana sy ny asa, amin' ny alalan' ny fahasoaavana, mba ho azo antoka ho an' ny taranaka rehetra ny fampanan-tenana; tsy ho an' ireo izay manaraka ny lalàna ihany, fa koa ho an' ireo izay iray finoana amin' i Abrahama izay raintsika rehetra,

DJS, Romana 7:5–27 (ampitahao amin' ny Romana 7:5–25)

(Manana hery hanovana ny fanahin' ny olona i Kristy.)

5 Fa fony isika tao amin' ny nofo, ny fientanan' ny fahotana, izay tsy araka ny lalàna, dia niasa tao amin' ny rantsambatantsika ka mamoa voa ho amin' ny fahafatesana.

6 Nefa ankehitriny isika dia afaka tamin' ny lalàna izay nihazonana antsika, satria maty ny amin' ny lalàna, mba hanompoantsika ao amin' ny fihavaozan' ny fanahy fa tsy ao amin' ny fahanteran' ny soratra.

7 Inona àry no lazaintsika? Fahotana va ny lalàna? Sanatria izany. Tsia, tsy ho nahafantatra ny fahotana aho raha tsy tamin' ny alalan' ny lalàna; fa tsy nahafantatra ny fitsiriritana aho raha tsy nilaza ny lalàna hoe: Tsy hitsiriritra ianao.

8 Saingy nohararaotin' ny fahotana ny lalàna hampihetsehana ny endriky ny fitsiriritana rehetra ato amiko. Fa maty ny fahotana raha tsy nisy ny lalàna.

9 Fa velona tsy nisy fandikan-dalàna aho fahiny, saingy rehefa tonga ny didin' i Kristy dia velona indray ny fahotana fa izaho kosa maty.

10 Ary rehefa tsy nino ny didin' i Kristy izay tonga aho, izay natokana mba ho fiainana, dia hitako fa nana-meloka ahy ho faty izany.

11 Fa nanararaotra ny fahotana ka nandà ny didy sy namitaka ahy; ary tamin' izany no nahafaty ahy.

12 Hitako anefa fa masina ny lalàna, ary ny didy dia masina sy marina ary tsara.

13 Moa àry va izay tsara no nahafaty ahy? Sanatria izany. Fa ny fahotana, mba hahazoany miseho ho toy ny fahotana amin' ny alalan' izay tsara, no nahatonga fahafatesam-panahy ho ahy; mba hahatonga ny fahotana ho tena fahotana hiringiriny, amin' ny alalan' ny didy.

14 Fa fantatsika fa ny didy dia arapanahy; fa fony aho teo ambanin' ny lalàna dia mbola ara-nofa aho, namidy ho andevon' ny fahotana.

15 Fa ankehitriny dia ara-panahy aho; fa izay andidiana ahy hataoko dia ataoko; ary izay andidiana ahy tsy ho sitrako dia tsy sitrako.

16 Satria izay fantatro fa tsy tsara dia tsy hataoko; fa izay fahotana dia ankahalaiko.

17 Koa raha tsy manao izay tsy sitrako aho dia miaiky ny lalàna ho tsara; ary tsy voaheloka aho.

18 Ankehitriny àry dia tsy izaho intsony no manao fahotana; fa katsahiko ny hifehy ilay fahotana izay mitoetra ato amiko.

19 Satria fantatro fa ato amiko, izany hoe ao amin' ny nofoko, dia tsy misy zavatra tsara mitoetra; fa ato amiko ny sitrapo, saingy ny hanatanteraka izay tsara no tsy hitako afa-tsy ao amin' i Kristy.

20 Fa ny tsara izay ho nataoko, raha mbola teo ambanin' ny lalàna, dia hitako fa tsy tsara; koa tsy ataoko izany.

21 Fa ny ratsy izay tsy ho nataoko teo ambanin' ny lalàna dia hitako fa tsara; izany no ataoko.

22 Ankehitriny raha manao izany aho, amin' ny alalan' ny fanampian' i Kristy, dia tsy hanao izany eo ambanin' ny lalàna, tsy eo ambanin' ny lalàna aho; ary tsy mikatsaka intsony ny hanao ny ratsy aho fa ny hifehy kosa ny fahotana izay mitoetra ato amiko.

23 Hitako àry fa teo ambanin' ny lalàna, rehefa ta hanao ny tsara aho, dia ny ratsy no manoloana ahy; fa finaritra amin' ny lalàn' Andriamanitra aho, raha ao anatiko ao.

24 Ary ankehitriny dia hitako ny lalàna iray hafa, dia ny didin' i Kristy, ary voasoratra ao an-tsaiko izany.

25 Fa ny rantsambatako dia miady amin' ny alalan' ny saiko ka mitondra ahy ho babon' ny lalàn' ny fahotana izay ao amin' ny rantsambatako.

26 Ary raha tsy mifehy ny fahotana izay ato amiko aho fa manompo ny lalàn' ny fahotana amin' ny nofo; indrisy olona fadiranovana aho! iza no hanafaka ahy amin' ity tenan' ny fahafatesana ity?

27 Koa misaotra an' Andriamanitra aho amin' ny alalan' i Jesoa Kristy Tompontosika, fa amin' ny saina no anompoan' ny tenako ny lalàn' Andriamanitra.

DJS, Romana 8:8 (ampitahao amin' ny Romana 8:8)

(Ireo izay miaina araka ny lalàn' ny nofo dia tsy mety hahazo sitraka amin' Andriamanitra.)

8 Koa amin' izany, ireo izay araka ny nofo dia tsy mety hahazo sitraka amin' Andriamanitra.

DJS, 1 Korintiana 7:1–2, 5, 26, 29–33 (ampitahao amin' ny 1 Korintiana 7:1–2, 5, 26, 29–33)

(Paoly namaly ireo fanontaniana momba ny fanambadiana teo anivon' ireo izay voantso hanao asa fitoriana.)

1 Ankehitriny, raha ny amin' ny zavatra izay nosoratanareo ho ahy manao hoe: Tsara ho an' ny lehilahy ny tsy mikasika vehivavy.

2 Lazaiko anefa, mba hisorohana ny fijangajangana, aoka ny lehilahy tsirairay samy hanana ny vadiny avy, ary aoka ny vehivavy tsirairay samy hanana ny vadiny avy.

5 Aza misaraka raha tsy amin' ny fotoana ifanarahana teo mba hahazoanareo manolotra ny tenanareo ho amin' ny fifadiankanina sy ny fivavahana; dia miraisa indray mba tsy hakan' i Satana fanahy anareo noho ny tsy fahafehezanareo ny tenanareo.

26 Koa izao no ataoko fa tsara, noho ny fahasahiranana ankehitriny, fa ny olona dia tokony hijanona amin' izao mba hahazoany manao soa bebe kokoa.

29 Fa miteny aminareo izay voantso ho amin' ny asa fanompoana aho. Fa izao no lazaiko ry rahalahy: ny fotoana izay tavela mba hanirahana anareo ho amin' ny asa fanompoana dia fohy. Ka ireo izay manana vady dia ho toy ny tsy manana; fa voantso sy voafidy ianareo hanao ny asan' ny Tompo.

30 Ary ireo izay mitomany dia ho toy ny tsy mitomany; ary ireo izay miravoravo dia ho toy ny tsy miravoravo, ary ireo izay mividy dia ho toy ny tsy nahazo;

31 Ary ireo izay mampiasa ity izao tontolo izao ity, dia ho toy ny tsy mampiasa izany; fa mandalo ny fanaon' izao tontolo izao.

32 Nefa mba tiako ry rahalahy ny hilofosanareo amin' ny antso ananareo. Mba tiako ho afaka amin' ny fanahiana ianareo. Fa izay tsy manambady dia miahy ireo zavatra izay an' ny Tompo, ny fomba mety hamalifaliana ny Tompo; koa mahomby izy.

33 Fa izay manambady dia miahy ny zavatra izay an' izao tontolo izao, ny fomba mety hamalifaliany ny vadin' ny; koa samy hafa izany satria voasakana izy.

DJS, 1 Korintiana 15: 40 (ampitahao amin' ny 1 Korintiana 15:40)

(Misy ambaratongam-boninahitra telo amin' ny fitsanganana amin' ny maty.)

40 Misy koa vatana selestialy sy vatana terestrialy ary vatana telestialy; fa ny voninahitry ny selestialy dia iray; ary ny terestrialy dia iray hafa; ary ny telestialy dia iray hafa.

DJS, 2 Korintiana 5:16 (ampitahao amin' ny 2 Korintiana 5:16)

(Nanarin' i Paoly ireo Olomasina tsy haina araka ny fomban' ny nofo.)

16 Koa hatramin' izao isika dia tsy miaina intsony araka ny nofo; eny, na

dia niaina araka ny nofo aza isika fahiny satria tsy mbola nahalala an' i Kristy, hatramin' izao ankehitriny izao dia tsy miaina intsony araka ny nofo isika.

DJS, Galatiana 3:19–20 (ampitahao amin' ny Galatiana 3:19–20)

(Kristy no mpanalalana amin' ny fanekempihavanana vaovao. Ampitahaina ny lalàn' i Mosesy [fanekempihavanana tranainy] sy ny filazantsara maharitra mandrakizay [fanekempihavanana vaovao].)

19 Koa amin' izany dia natovana ny lalàna noho ny fandikan-dalàna, ambara-piavian' ny taranaka amin' izay nanaovana fampanantenana tao amin' ny lalàna nomena an' i Mosesy, izay natokan' ny tanan' ireo anjely ho mpanalalana amin' ny fanekempihavanana voalohany (ny lalàna).

20 Ankehitriny ity mpanalalana ity dia tsy mpanalalana amin' ny fanekempihavanana vaovao; fa misy mpanalalana iray amin' ny fanekempihavanana vaovao, izay i Kristy, araka izay voasoratra ao amin' ny lalàna momba ny fampanantenana natao tamin' i Abrahamama sy ny taranany. Ankehitriny dia i Kristy no mpanalalan' ny fiainana; fa izany no fampanantenana izay nataon' Andriamanitra tamin' i Abrahamama.

DJS, Efesiana 4:26 (ampitahao amin' ny Efesiana 4:26)

(Fahotana ny fahatezerana tsy marina.)

26 Mety ho tezitra va ianao ka tsy manota? Aoka ny masoandro tsy hilentika amin' ny fisafohanana.

DJS, 1 Tesaloniana 4:15 (ampitahao amin' ny 1 Tesaloniana 4:15)

(Ireo olona marina izay velona amin' ny fiavian' ny Tompo dia tsy hanana tombony amin' ireo olona marina efa nodimandry.)

15 Fa izao no lazainay aminareo, araka ny tenin' ny Tompo, fa ireo izay velona amin' ny fiavian' ny Tompo dia tsy mba hialoha ireo izay mijanona ambara-piavian' ny Tompo, izay matory.

DJS, 2 Tesaloniana 2:2–3, 7–9

(ampitahao amin' ny 2
Tesaloniana 2:2–9)

(Paoly dia naminany ny amin' ny apôstazia mialohan' ny hiverenan' ny Tompo.)

2 Mba tsy halaky hohozongozonina ao an-tsaina ianareo na hampitahorina amin' ny taratasy, afa-tsy izay raisinareo avy aminay; na amin' ny fanahy na amin' ny teny, momba ny hoe efa antomotra ny andron' i Kristy.

3 Aoka tsy hisy olona hamitaka anareo na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona; fa ho tonga aloha ny fihemorana ary haseho ilay lehilahin' ny fahotana, ilay zanaky ny fahaverezana;

7 Fa ny misterin' ny tsy fankatoavandalàna dia miasa sahady, ary izy ankehitriny no miasa ary mamela azy hiasa i Kristy mandra-pahafenoan' ny fotoana izay hanesorana azy hiala.

8 Ary amin' izany dia haseho ilay ratsy izay holevonin' ny Tompo amin' ny fofonain' ny vavany ary hofongorany amin' ny famirapiratan' ny fiaviany.

9 Eny, ny Tompo, dia i Jesoa, izay ny fiaviany dia tsy hitranga raha tsy aorian' ny fisian' ny fihemorana amin' ny alalan' ny asan' i Satana omban' ny hery rehetra sy ny famantarana ary ireo fahagagana manodoka.

DJS, 1 Timoty 2:4 (ampitahao amin' ny 1 Timoty 2:4)

(Kristy no Zanaka Lahitokana sy Mpanalalana.)

4 Izay tia ny hahavoavonjy ny olondrehetra sy ny hahatongavany amin' ny fahalalana ny marina izay ao amin' i Kristy Jesoa, izay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, ary voatokana ho Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona; izay Andriamanitra iray ary manana fahefana amin' ny olon-drehetra.

DJS, 1 Timoty 6:15–16 (ampitahao amin' ny 1 Timoty 6:15–16)

(Ireo izay manana ny fahazavan' ny tsy fahafatesana mitoetra ao aminy dia afaka mijery an' i Jesoa.)

15 Izay hasehony amin' ny fotoany, izay Andriana sambatra sady tokana, ny Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny tompo, ho Azy anie ny haja sy ny voninahitra maharitra mandrakizay;

16 Izy izay tsy nisy nahita sady tsy hay jerena, Izy izay tsy hain' ny olona akaikizina afa-tsy izay manana ny fahazavana sy ny fanantenan' ny tsy fahafatesana mitoetra ao aminy.

DJS, Hebreo 1:6–7 (ampitahao amin' ny Hebreo 1:6–7)

(Ireo anjely dia fanahy manompo.)

6 Ary ankoatra izany, rehefa mitondra ny Lahitokana ho eo amin' izao tontolo izao Izy dia manao hoe: Ary aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra hidera Azy izay manao ny mpanompony ho toy ny lelafo.

7 Ary ny momba ireo anjely dia hoy Izy: Ireo anjely dia fanahy manompo.

DJS, Hebreo 4:3 (ampitahao amin' ny Hebreo 4:3)

(Ny asan' Andriamanitra dia efa voaomana hatry ny fanorenana izao tontolo izao.)

3 Fa isika izay mino no miditra amin' ny fitsaharana, araka ny nolazainy hoe: Toy ny efa nianianako tao amin' ny fisafaoahako hoe: Raha manamafy ny fony izy ireo dia tsy hiditra ao amin' ny fitsaharako; efa nianiana koa Aho, fa raha tsy hanamafy ny fony izy ireo dia hiditra ao amin' ny fitsaharako; na dia efa voaomana (na vita) hatry ny fanorenana izao tontolo izao aza ny asan' Andriamanitra.

DJS, Hebreo 5:7–8

(Ny fanamarihana ao amin' ny DJS soratana dia milaza fa manondro an' i Melkizedeka fa tsy i Kristy ireo andininy 7 sy 8 Ankoatra izay dia lahatsoratra iray ihany no ao amin' ny Baiboly KJV sy ny DJS.)

DJS, Hebreo 6:1, 3 (ampitahao amin' ny Hebreo 6:1, 3)

(Ireo fitsipik' i Kristy dia mitondra any amin' ny fahatanterahana.)

1 Koa sady tsy avelantsika ireo fitsipiky ny fotopampianaran' i Kristy no aoka isika handroso ho amin' ny tanteraka; aoka tsy hataontsika indray ny fanorenan' ny fibebahana avy amin' ny asa maty ary ny an' ny finoana an' Andriamanitra.

3 Ary hanohy hatrany amin' ny tantee-raka isika raha avelan' Andriamanitra.

DJS, Hebreo 7:3 (ampitahao amin' ny Hebreo 7:3)

(Ny fisoronana masina araka ny lamin' ny Zanak' Andriamanitra dia tsy manan-drainy, tsy manan-dreny ary tsy manana fiandohana na fiafaran' andro.)

3 Fa ity Melkizedeka ity dia natokana ho mpisorona avo araka ny lamin' ny Zanak' Andriamanitra, dia lamina izay tsy manan-drainy, tsy manan-dreny, tsy manan-tamingana sady tsy nanana fiandohan' andro no tsy nanana fiafaram-piainana. Ary ireo rehetra izay voatokana ho amin' ity fisoronana ity dia atao mitovy amin' ny Zanak' Andriamanitra, mitoetra ho mpisorona lalandava.

DJS, Hebreo 7:25–26 (ampitahao amin' ny Hebreo 7:26–27)

(Hazavaina ny anjara asan' i Kristy amin' ny maha-Mpanalalana Azy.)

25 Fa mpisorona avo toy izany no mety amintsika, dia izay masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin' ny mpanota ary natao mpanapaka amin' ny lanitra;

26 Ary tsy mba tahaka ireny mpisorona avo ireny izay nanatitra fanatitra isan' andro, voalohany ho an' ny fahotany, ary rehefa izany dia ho an' ny fahotan' ny vahoaka; fa tsy mila manatitra fanatitra ho an' ny fahotany Izy, satria tsy nahalala fahotana; fa ho an' ny fahotan' ny vahoakany kosa. Ary izany dia nataony indray mandeha ihany, raha nanatitra ny tenany Izy.

DJS, Hebreo 11:1 (ampitahao amin' ny Hebreo 11:1)

(Ny finoana dia fahazoana antoka ny zavatra antenaina.)

1 Ankehitriny ny finoana dia fahazoana antoka ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.

DJS, Hebreo 11:35 (ampitahao amin' ny Hebreo 11:35)

(Ny olo-mahatoky izay ampijaliana noho ny amin' i Kristy dia mahazo ny fitsanganana voalohany amin' ny maty.)

35 Ireo vehivavy dia nandray ny maty teo aminy, izay natsangana ho velona indray; ary ireo sasany nampijaliana nefa tsy nanaiky fanafahana; mba hahazoany ny fitsanganana voalohany amin' ny maty;

DJS, Jakoba 1:2 (ampitahao amin' ny Jakoba 1:2)

(Ny fahoriana fa tsy ny fakampanahy dia manampy mba hahamasina antsika.)

2 Ry rahalahy, raiso ho fifaliana ny fahoriana maro mianjady aminareo;

DJS, Jakoba 2:1 (ampitahao amin' ny Jakoba 2:1)

(Ny mpikambana dia tsy tokony hihevitra ny olona iray ho ambony kokoa noho ny hafa.)

1 Ry rahalahy, tsy hainareo ny hanampinoana an' i Jesoa Kristy Tompontsika, Ilay Tompon' ny voninahitra, kanefa hizaha tavan' olona.

DJS, 1 Petera 3:20 (ampitahao amin' ny 1 Petera 3:20)

(Ny sasany amin' ireo fanahy ao an-tranomaizina dia efa tsy marina tamin' ny andron' i Noa.)

20 Izay tsy nankatò tamin' ny andron' i Noa, raha mbola niandry ny faharipon' Andriamanitra, raha mbola namboarina ny sambofiara izay nidiran' ny olona vitsy, izany hoe, olona valo no voavonjy tamin' ny rano.

DJS, 1 Petera 4:6 (ampitahao amin' ny 1 Petera 4:6)

(Ny filazantsara dia notoriana tamin' ireo izay maty.)

6 Noho izao no notoriana ny filazan-

tsara tamin' izay maty aza, mba ho azo tsaraina araka ny olona ao amin' ny nofo izy, fa ho velona ao amin' ny fana-hy araka ny sitrapon' Andriamanitra.

DJS, 1 Petera 4:8 (ampitahao amin' ny 1 Petera 4:8)

(Misakana antsika tsy hanota ny fiantrana.)

8 Ary mihoatra noho ny zava-drehe-tra dia aoka hafana fo amin' ny fian-trana eo anivonareo ianareo; fa ny fiantrana dia misakana ota sesehena.

DJS, 1 Jaona 2:1 (ampitahao amin' ny 1 Jaona 2:1)

(Kristy no ho mpisolovava antsika ao amin' ny Ray raha mibebaka isika.)

1 Rankizy madiniko, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Fa raha misy olona ma-nota ka mibebaka, dia manana mpiso-lovava ao amin' ny Ray isika, dia i Jesoa Kristy, ilay marina;

DJS, 1 Jaona 3:9 (ampitahao amin' ny 1 Jaona 3:9)

(Na zovy na zovy no naterak' Andriamanitra dia tsy manohy ao amin' ny fahotana.)

9 Na zovy na zovy no naterak' Andriamanitra dia tsy manohy ao amin' ny fahotana; fa mitoetra ao aminy ny Fanahin' Andriamanitra; ary tsy hai-ny ny hanohy ao amin' ny fahotana satria naterak' Andriamanitra izy rehefa nandray ny Fanahy Masin' ny fampanantenana.

DJS, 1 Jaona 4:12 (ampitahao amin' ny 1 Jaona 4:12)

(Ny olona mino an' Andriamanitra ihany no afaka hahita Azy.)

12 Tsy misy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana, afa-tsy ireo izay mino. Raha mifankatia isika dia mitoetra ao amintsika Andriamanitra, ary ny fitiavany dia tanteraka ao amintsika.

DJS, Fanambarana 1:1–4 (ampitahao amin' ny Fanambarana 1:1–4)

(Nandray fanambarana avy tamin' i Jesoa

Kristy i Jaona ary nanolotra izany ho an' ireo mpitondra ny fiangonana fito tany Azia.)

1 Ny fanambarana noraisin' i Jaona, mpanompon' Andriamanitra, izay nomen' i Jesoa Kristy azy, hanehoana amin' ireo mpanompony ny zavatra izay tsy maintsy hitranga tsy ho ela, fa Izy dia nampaniraka sy nampahafan-tatra tamin' ny alalan' ny anjelin' ho an' i Jaona mpanompony,

2 Izay vavolombelona nanambara ny tenin' Andriamanitra sy ny tenivavolombelon' i Jesoa Kristy ary ny zavatra rehetra izay hitany.

3 Sambatra ireo izay mamaky sy ireo izay mihaino ary mahazo ny tenin' ity faminaniana ity ka mitandrina ireo zavatra izay voasoratra ao, fa ny fotoan' ny fiavian' ny Tompo dia manakaiky.

4 Ankehitriny dia izao no tenivavolombelon' i Jaona ho an' ny mpanompo fito izay manerana ny fiangonana fito any Azia. Ho ao aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Ilay misy sy nisy ary ho avy; izay efa naniraka ny anjelin' avy teo anoloan' ny seza fiandrianany mba ho vavolombelona hanambara amin' ireo izay mpanompo fito manerana ny fiangonana fito.

DJS, Fanambarana 2:22 (ampitahao amin' ny Fanambarana 2:22)

(Hatsipy any amin' ny helo ny olon-dratsy.)

22 Indro, Izaho hanipy azy any amin' ny helo, ary ireo izay nijangajanga taminy any amin' ny fahoriana lehibe, raha tsy mibebaka amin' ny ataony izy ireo.

DJS, Fanambarana 5:6 (ampitahao amin' ny Fanambarana 5:6)

(Irahana maneran-tany ireo mpanompon' Andriamanitra roa ambin' ny folo.)

6 Dia hitako ary indro, teo afovoan' ny sezafiandrianana sy ireo zavamananaina efatra ary teo afovoan' ireo loholona no nijoro ny Zanakondry, toy ny efa novonoina sady nanana tandroka

roa ambin' ny folo sy maso roa ambin' ny folo, izay ny mpanompon' Andriamanitra roa ambin' ny folo, nirahana nankany amin' ny tany rehetra.

DJS, Fanambarana 12:1–17

(ampitahao amin' ny Fanambarana 12:1–17; Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 77)

(Hazavaina ny amin' ilay vehivavy [ny Fiangonana], ilay zaza [ny fanjakan' Andriamanitra], ny tehim-by [ny tenin' Andriamanitra], ny dragona [i Satana] ary i Mikaela. Ny ady tany an-danitra dia tohizana etỳ an-tany.)

1 Ary nisy famantarana lehibe niseho tany an-danitra, nanam-pitoviana tamin' ny zavatra etỳ an-tany; dia vehivavy iray notafiana masoandro, ary ny volana no eo ambanin' ny tongony ary eo ambonin' ny lohany ny satroboninahitra nisy kintana roa ambin' ny folo.

2 Ary bevohoka ravehivavy ka mitaraina fa mihetsi-jaza sady marary efa hiteraka.

3 Ary izy dia niteraka zazalahy izay hanapaka ny firenena rehetra amin' ny tehim-by; ary ny zanany dia nakarina ho any amin' Andriamanitra sy ny sezafiandrianany.

4 Ary nisy famantarana iray hafa niseho teny amin' ny lanitra; ary indro, ny dragona mena lehibe nanana loha fito sy tandroka folo ary satroboninahitra fito teo amin' ny lohany. Ary nisarika ny ampahatelon' ny kintana amin' ny lanitra ny rambony ka nanjera ireny tamin' ny tany. Ary ilay dragona dia nijoro teo anoloan-dravehivavy izay efa teraka, vonona ny handrapaka ny zanany taorian' ny nahaterahany.

5 Ary ravehivavy kosa nandositra nankany an-tany foana, fa tany izy no nanana toerana efa nomanin' Andriamanitra mba hameloman' izy ireo azy mandritra ny enimpolo amby roanjato sy arivo taona.

6 Ary nisy ady tany an-danitra; niady tamin' ilay dragona i Mikaela sy ny anjeliny; ary ilay dragona sy ny anjeli ny niady tamin' i Mikaela;

7 Ary ilay dragona dia tsy naharesy an'

i Mikaela, na ilay zaza, na ravehivavy izay fiangonan' Andriamanitra, izay efa nafahana tamin' ny fanaintainany ary niteraka ny fanjakan' Andriamanitra sy i Kristiny.

8 Ary tsy nisy toerana tany an-danitra ho an' ilay dragona lehibe izay noroahina hiala; ilay menarana ela atao hoe ny devoly ary atao koa hoe i Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; nazeratamin' ny tany izy ary niara-nazera taminy ny anjeliny.

9 Dia nandre feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Tonga ankehitriny ny famonjena sy ny hery ary ny fanjakan' Andriamanitsika sy ny fahefan' i Kristy;

10 Fa ilay mpiampanga ny rahalahintsika dia efa voazera, izay niampanga azy ireo andro aman' alina teo anoloan' Andriamanitsika.

11 Fa izy ireo dia efa nandresy azy tamin' ny ran' ny Zanakondry sy tamin' ny tenin' ny tenivavolombelony; fa tsy nankamamy ny ainy izy ireo fa nitandrina kosa ny tenivavolombelona na dia hatrany amin' ny fahafatesana aza. Koa mifalia Ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy.

12 Ary taorian' ireo zavatra ireo, dia nandre feo iray hafa aho nanao hoe: Lozan' ny mponin' ny tany, eny, sy ireo izay monina eo amin' ireo nosindranomasina! fa nidina ho eo aminareo ny devoly izay manana fisafoahana lehibe, satria fantany fa tsy manana afa-tsy fotoana fohy izy.

13 Fa nony nahita ilay dragona fa efa voazera tamin' ny tany izy, dia nenjehiny ilay vehivavy izay niteraka zazalahy.

14 Koa ravehivavy dia nomena ny elandroan' ny voromahery mba hahazoany mandositra ny tavan' ilay menarana ka hankanesany any an' efitra, any amin' ny toerany izay amelomana azy mandritra ny fotoana iray sy fotoana roa ary antsasa-potoana.

15 Ary ilay menarana dia namoakara tamin' ny vavany, toy ny riaka, hanaraka an-dravehivavy mba hahatonga azy hindaosin' ny riaka.

16 Dia nanampy an-dravehivavy ny tany, ary nanokatra ny vavany ny tany ka nitelina ny riaka izay navoakan' ny vavan' ilay dragona tamin' ny vavany.

17 Koa nisafoaka tamin-dravehivavy ilay dragona ka nandeha niady tamin' ny taranany sisa izay mitandrana ny didin' Andriamanitra sy manana ny tenivavolombelon' i Jesoa Kristy.

DJS, Fanambarana 19:15, 21
(ampitahao amin' ny
Fanambarana 19:15, 21)

(Mampiasa ny tenin' i Kristy Andriamanitra hamelezana ireo firenena.)

15 Ary avy teo am-bavany no niloaka ny tenin' Andriamanitra, ary amin' izany no hamelezany ireo firenena; ary Izy hanapaka azy ireo amin' ny tenin' ny vavany; ary Izy no manitsaka ny famiazan-divay amin' ny firehetan' ny fisafoahan' Andriamanitra Tsitoha.

21 Ny olona sisa dia voavono tamin' ny tenin' ilay nitaingina soavaly; dia teny izay niloaka ny vavany; ary ny voromanidina rehetra dia nivoky tamin' ny nofony.

VANIM-POTOANA, SARINTANY,
ARY SARY MIFANDRAY AMIN' NY
TANTARAN' NY FIANGONANA

1805, 23 Desambra

Fahaterahan' i Joseph Smith (1805–1844), zanak' i Joseph Smith Rainy sy i Lucy Mack Smith tao Sharon, Vermont (jereo JS—T 1:3).

1820, Fiandohan' ny loha-taona

Nahazo ny Fahitana Voalohany ny Mpaminany Joseph Smith, tao amin' ny kirihitr' alan' ny tanànan' i Palmyra sy Manchester, New York, tsy lavitra ny tranony (jereo JS—T 1:15–17).

1823, 21–22 Septambra

Novangian' ny anjely Môrônia i Joseph Smith ary nilazana momba ny Bokin' i Môrmôna. Hitan' i Joseph ireo takelaka volamena nilevina tao amin' ny havoana tsy lavitra iray (Komôrà) (jereo JS—T 1:27–54).

1827, 22 Septambra

Noraisin' i Joseph Smith avy tamin' i Môrônia teo amin' ny Havoana Komôrà ireo takelaka volamena (jereo JS—T 1:59).

1829, 15 Mey

Notoloran' i Jaona Mpanao Batisa ny Fisoronana Aharôna i Joseph Smith sy Oliver Cowdery tao Harmony, Pennsylvania (jereo F&F 13; JS—T 1:71–72).

1829, Mey

Nandray ny Fisoronana Melkizedeka avy tamin' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery teo akai-kin' ny Renirano Susquehanna, manelanelana an' i Harmony, Pennsylvania sy Colesville, New York (jereo F&F 128:20).

1829, Jona

Vita ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna. Naseho ny Vavolombelona telo sy ny Vavolombelona valo ireo

takelaka volamena (jereo 2 Ne. 11:3; 27:12–13; F&F 17).

1830, 26 Martsa

Nivoaka tao Palmyra, New York, ny tahadika vita printy voalohany amin' ny Bokin' i Môrmôna.

1830, 6 Aprily

Naorina tao an-tanànan' i Fayette, New York, ny Fiangonana.

1830, Septambra—Ôktôbra

Nantsoina ireo misiônera voalohany hitory amin' ny Lamanita (Indiana Amerikana) (jereo F&F 28; 30; 32).

1830, Desambra—Janoary

1831

Nodidina hiangona tao Ohio ny Olomasina (jereo F&F 37; 38:31–32).

1831, 20 Jolay

Nambara tamin' ny Mpaninany Joseph Smith ny toerana hisy ny tanànan' i Ziona (Jerosalema Vaovao) ao Independence, Missouri (jereo F&F 57; Fp. 1:10).

1833, 18 Martsa

Natokana ho mpanolotsaina tao amin' ny Fiadian' ny Fiangonana i Sidney Rigdon sy i Frederick G. Williams (jereo ny sasintenin' ny F&F 81) ary nomena ny fanalahidin' izao fanjakana farany izao (jereo ny sasintenin' ny F&F 90; andininy 6).

1833, 7 Nôvambra

Nanomboka nandositra ireo mpihetraketraka tao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri, ny Olomasina ary niampita ny Renirano Missouri ho any amin' ny Fivondronan' i Clay.

1834, 5 Mey

Nandao an' i Kirtland, Ohio, ny Filoha Joseph Smith, ka nitarika ny Tobin'

i Ziona nizotra ho any Missouri mba hitondra fanamaivanana ho an' ireo Olomasina voaroaka avy tao amin' ny Fivondronan' i Jackson.

1835, 14 Febroary

Natsangana tao Kirtland, Ohio, ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo (jereo F&F 107:23–24).

1835, 28 Febroary

Natomboka tao Kirtland, Ohio ny fananganana ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololahy.

1835, 17 Aogositra

Nekena tao Kirtland, Ohio, ho soratra masina ankatoavin' ny Fiangonana ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana.

1836, 27 Martsa

Notokanana ny Tempolin' i Kirtland (jereo F&F 109).

1836, 3 Aprily

Niseho tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin' ny Tempolin' i Kirtland i Jesoa Kristy. Niseho sy nanolotra ny fanalahidin' ny fisoronana i Mosesy sy Elià ary Elia (jereo F&F 110).

1837, 19 Jolay

Tonga tao Liverpool, Angletera, i Heber C. Kimball sy ny enin-dahy hafa, hanatanteraka ny asa fitoriana voalohany nataon' ny fiangonana tany ampitan-dranomasina.

1838, 26 Aprily

Nomena manokana tamin' ny alalan' ny fanambarana ny anaran' ny Fiangonana (jereo F&F 115:4).

1838, 1 Desambra

Nogadraina tao amin' ny fonjan' i Liberty, tao Liberty, Fivondronan' i Clay, Missouri, ny Mpaninany

Joseph Smith sy ireo namany hafa (jereo F&F 121-123). 1840, 15 Aogositra Nambaran' ny Mpaminany Joseph Smith ampahibemaso ny batisa ho an' ny maty. 1841, 24 Ôktôbra Nanokana ny Tany Masina ho an' ny fiverenan' ny zanak' i Abrahama ny Loholona Orson Hyde (jereo F&F 68:1-3; 124:128-129). 1842, 17 Martsa Naorina tao Nauvoo, Illinois, ny Fikambanana Ifanampian' ny vehivavy. 1842, 4 Mey Notanterahina ny fanafiana masina feno voalohany tao amin' ny tempoly. 1844, 27 Jona Maty maritiora tao amin' ny Fonjan' i Carthage i Joseph Smith sy i Hyrum Smith (jereo F&F 135). 1846, 4 Febroary Nanomboka niampita ny Renirano Mississippi hiankandrefana ireo Olomasin' i Nauvoo. Ny Olomasina sasany tany atsinanana dia niondrana tamin' ny sambo <i>Brooklyn</i> avy ao an-tanànan' i New York City ho any California. 1846, 16 Jolay Nantsoina tao Iowa hanatevin-daharana ny tafika Amerikana ny andia-miaramila Môrmôna. 1847, Aprily Nandao ny Winter Quarters hiankandrefana ireo mpisava lalana voalohany notarihin' ny Filoha Brigham Young (jereo F&F 136).	1847, 24 Jolay Niditra ny Lohasahan' i Salt Lake ny Filoha Brigham Young. 1847, 27 Desambra Notohanan' ny fihaonamben' ny Fiangonana ho Fia-didiana Voalohany ny Filoha Brigham Young, ny Loholona Heber C. Kimball, ary ny Loholona Willard Richards. 1848, Mey—Jona Nanimba ny voly tao amin' ny Lohasahan' i Salt Lake ny valala. Avotra tamin' ny faharavana tanteraka ny saha raha namongotra ny valala ireo andiana kilelo. 1849, 9 Desambra Natsangan' i Richard Balfantyne ny Sekoly Alahady. 1850, 15 Jona Natomboka tao Salt Lake City ny famoahana ny <i>Deseret News</i>. 1856, Ôktôbra Voatazon' ny tafiotran' ny oram-panala tonga mialoha ny andian-tsarety tarihin-tanana notarihin' i Willie sy i Martin. Hitan' ireo andiana mpamonjy avy ao amin' ny Lohasahan' i Salt Lake izy ireo. 1867, 8 Desambra Nalamina indray teo ambany fitarihan' ny Filoha Brigham Young ny Fikambanana Ifanampiana. 1869, 28 Nôvambra Natsangana ny Fikambanana Miaro ny Tovovavy, izay nialoha lalana ny lamin' asan' ny Zatovovavy. 1875, 10 Jona Natsangana ny Fikambanana Ifanakaloan' ny Tovolahy, nialoha lalana ny lamin' asan' ny Zatovolahy.	1877, 6 Aprily Natokana ny Tempolin' i St. George. Nahazo fanambarana ny Filoha Brigham Young hametraka ny lamin' ny fisoronana sy ireo tsatôkan' i Ziona. 1878, 25 Aogositra Nanao ny fivoriana voalohan' ny Kilonga tao Farmington, Utah, i Aurelia Spencer Rogers. 1880, 10 Ôktôbra Notohanana ho Filohan' ny Fiangonana i John Taylor. Nekena ho Soratra Masina ankatoavina ny Voahangy Lafo Vidy. 1883, 14 Aprily Fanambarana nomena ny Filoha John Taylor momba ny fananganana ny Fitopolahy. 1889, 7 Aprily Notohanana ho Filohan' ny Fiangonana i Wilford Woodruff. 1890, 6 Ôktôbra Notohanana tao amin' ny fihaonambe ny “Manifesto” izay manambara ny fitsaharan' ny fampakarana vady maro (jereo FO—1). 1893, 6 Aprily Notokanan' ny Filoha Wilford Woodruff ny Tempolin' i Salt Lake izay naorina nandritra ny 40 taona. 1898, 13 Septambra Lasa Filohan' ny Fiangonana i Lorenzo Snow. 1899, 17 Mey Azon' ny Filoha Lorenzo Snow tao St. George ny fanambarana izay nitaona azy hanamafy ny amin' ny fahafolonkarena (jereo F&F 119). 1901, 17 Ôktôbra Lasa Filohan' ny Fiangonana i Joseph F. Smith.

1918, 3 Ôktôbra

Nahazo fahitana momba ny fanavotana ny maty ny Filoha Joseph F. Smith (jereo F&F 138).

1918, 23 Nôvambra

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Heber J. Grant.

1936, Aprily

Natsangana ny Lamin' asa Aro Voinan' ny fiangonana hanampiana ireo mahantra nandritra ny Fihemorana Lehibe ara-toekarena; lasa lamin' asa fanasoavan' ny Fiangonana izany. Io lamin' asa io dia vokatra ny fanambarana azon' ny Filoha Heber J. Grant talohan' izay.

1941, 6 Aprily

Nantsoina voalohany ireo Mpanampy ny Roambinifololahy.

1945, 21 Mey

Lasa Filohan' ny Fiangonana i George Albert Smith.

1951, 9 Aprily

Notohanana ho Filohan' ny Fiangonana i David O. McKay.

1961, 30 Septambra

Nambaran' ny Loholona Harold B. Lee, teo ambany fitarihan' ny Fiadidiana Voalohany, fa ny lamin' asa rehetra dia hampifandrindrana amin' ny alalan' ny fisoronana, mba hanatanjana hana ny ankohonana sy ny tsirairay.

1964, Ôktôbra

Nohamafisina ny fitandremana ny takarivan' ny mpianakavy.

1970, 23 Janoary

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Joseph Fielding Smith.

1971, Janoary

Niantomboka ny famoahana ireo gazetim-piangonana vaovao—*Ensign*, *New Era*, ary *Friend*.

1972, 7 Jolay

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Harold B. Lee.

1973, 30 Desambra

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Spencer W. Kimball.

1975, 3 Ôktôbra

Nambaran' ny Filoha Spencer W. Kimball ny fandaminana indray ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololahy.

1976, 3 Aprily

Nisy fanambarana roa natovana tamin' ny Voahangy Lafo Vidy. Tamin' ny taona 1981, dia nafindra izany ka nanjary F&F 137 sy 138.

1978, 30 Septambra

Fanambarana notohanana' ny Fiangonana izay manolotra ny fisoronana ho ireo lehilahy mpikambana mendrika rehetra, tsy ijerena firazanana na volon-koditra (jereo FO—2).

1979, Aogositra

Navoaka ny Baiboly dikatenin' ny King James, natontan' ny Olomasin' ny Andro Farany, izay mirakitra fanampiana amin' ny fandalinana.

1981, Septambra

Fanontana vaovao tamin' ny teny Anglisy ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy.

1984, Jona

Natsangana ny Fiadidian' ny Vondromparitra, miaraka amin' ny mpikambana nantsoina avy ao amin' ny Fitopololahy.

1985, 10 Nôvambra

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Ezra Taft Benson.

1989, 1 Aprily

Nalamina indray ny Kôlejy Faharoan' ny Fitopololahy.

1994, 5 Jona

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Howard W. Hunter.

1995, 12 Martsa

Lasa Filohan' ny Fiangonana i Gordon B. Hinckley.

1995, 1 Aprily

Naato ny andraikitra ny solontenam-paritra. Nambara ny andraikitra mpitarika vaovao izay fantatra amin' ny hoe Manampahefan' ny Vondromparitra.

1995, 23 Septambra

Navoaka ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao", avy amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Roambinifololahy.

1997, 5 Aprily

Hatokana ho Fitopololahy ireo Manampahefan' ny Vondromparitra. Nambara ny Kôlejy Fahatelo sy Fahafatra ary Fahadimin' ny Fitopololahy.

1997, 4 Ôktôbra

Nanambara ny fanorenana tempoly kelikely kokoa ny Filoha Hinckley.

1997, Nôvambra

Nahatratra 10 tapitrisa ny isan' ny mpikamban' ny Fiangonana.

1998, Aprily

Nambaran' ny Filoha Hinckley ny tanjona hananana tempoly miasa 100 amin' ny taona 2000.

Ireto sarin' ny toerana manan-tantara ho an' ny Fiangonana ireto dia mampiseho toerana izay nandehanan' ireo Olomasin' ny Andro Farany voalohany, nonenana sy nampianaran' ireo mpaminany ankehitriny, ary nisehoan' ireo zavainitranga maro ao amin' ny soratra masina. Mba hanampiana anao hampiasa amin' ny fomba mahomby kokoa ireo sary amin' ny fandalinana ataonao, dia ombàna fohy ny sary tsirairay. Ny laharan' ny filazalazana sy ny lohateny dia mifanaraka amin' ny sary izay mitondra ny laharana sy lohateny mitovy aminy. Ny andalan-tsoratra

voalohany manaraka ny lohatenin' ny filazalazana dia manazava ny mombamomba ilay sary, ka isan' izany ny zava-dehibe tokony hojerena, ary matetika koa ny fitodika nakana ny sary. Tanisaina rehefa izany ireo zavainitranga manan-danja ao amin' ny soratra masina teo amin' io toerana io, miaraka amin' ny andinintsoatra masina milaza izany, mba hahafahanao mahafahtatra ny toerana ahazoana mamaky misimisy kokoa momba izany zavainitranga izany.

1. Ny Kirihitr' ala Masina

Ny Kirihitr' ala Masina dia hita ao an-tanànan' i Palmyra sy i Manchester, New York. Tao andrefan' ny trano kely vatan-kazo nonenandry Smith mianakavy tamin' ny taona 1820 no misy io kirihitr' ala io.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao amin' io kirihitr' ala io no nisehoan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany tamin' ny Mpaminany Joseph Smith (JS—T 1:14–20).

2. Ny Havoana Komôrà sy ny Faritr' i Manchester sy Palmyra

Io sary mitodika mianavaratra io dia maneho ny Havoana Komôrà, ao Manchester, New York. Manomboka eo amin' ny zorony ambany ankavanana ilay havoana, ka mipaka hatreo amin' ny tapany ambony amin' ny sary. Ny tsangambato fotsy tazana eo amin' ny farany avaratra amin' ny havoana dia fanomezam-boninahitra ny anjely Môrônia sy ny nivoahan' ny Bokin' i Môrmôna. Ny Havoana Komôrà dia tokony ho dimy kilaometetra atsimo atsinanan' ny Kirihitr' ala Masina. Akaikin' ny tendron' ny sary no misy an' i Palmyra enina kilaometra sy sasany no elanelany. Eo amin' ny ilany ambony havia amin' ny sary no misy ny toeram-piompiana sy fambolendry Smith sy ny Kirihitr' ala Masina.

Ny zava-dehibe nitranga: Nonina tao amin' io toerana io ny fianakavian' ny Mpaminany Joseph Smith tamin' ny fotoanan' ny Fahitana Voalohany (JS—T 1:3). Tamin' ny 421 taorian' i j.k., dia nalevin' i Môrônia tao amin' ny Havoana Komôrà ireo takelaka volamena izay mirakitra ny tantara masina mikasika ny olony (TiM 1:1–11; Môrm. 6:6; Môrô. 10:1–2). Io Môrônia io ihany no nanambara tamin' i Joseph Smith ny toerana hahitana ireo takelaka—amin' ny farany avaraty ny havoana, eo amin' ny lafiny andrefana, rakaikin' ny tendrony. Nomen' i Môrônia azy izany tamin' ny taona 1827 (F&F 27:5; 128:20; JS—T 1:33–35, 51–54, 59).

3. Trano Vatan-kazon' i Joseph Smith rainy

Ala-tahaka ny tranon' i Joseph Smith rainy, natsangana teo amin' ny toerana nisy ilay trano vatan-kazo voalohany, akaikin' i Palmyra, New York. Nanangana io trano vatan-kazo mibaby rihana vita sasabe io ry Smith mianakavy, fotoana fohy taorian' ny nahatongavany tao Palmyra.

Ny zava-dehibe nitranga: Nianatra ny Baiboly tao amin' io trano io ny Mpaminany Joseph Smith raha izy niady hahafantatra izay fiangonana marina (JS—T 1:11–13). Nitranga tamin' i Joseph i Môrônia ary nilaza taminy ny amin' ny takelaky ny Bokin' i Môrmôna (JS—T 1:30–47).

4. Efitrano Fanaovana Printin' i E. B. Grandin

Ny efitra fanontana printy naverina tamin' ny laoniny, ao amin' ny trano manatantaran' i Egbert B. Grandin, izay namoahana ny tahadika voalohan' ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny taona 1830. Nametraka ho antoka ny toeram-piompiana sy famboleny i Martin Harris sady nivarotra ny ampahany tamin' izany mba handoavana ny vidin' ny fanontana printy tahadika miisa 5000 amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nanomboka tamin' ny Aogositra 1829 ny fandaharana ireo tarehintoatra ary nivoaka ny 26 Martsa 1830 ireo tahadika vita printy.

Ny zava-dehibe nitranga: Nodidina hanome malalaka amin' ny fananany i Martin Harris handoavana ny trosa amin' ny fanontana ny Bokin' i Môrmôna (F&F 19:26–35).

5. Renirano Susquehanna

Io sary io dia mampiseho ny Renirano Susquehanna ao an-tanànan' i Harmony, Pennsylvania.

Ny zava-dehibe nitranga: Tonga voalohany tao Harmony i Joseph Smith zanany ny taona 1825 mba hitady asa. Nipetraka tsy lavitra ny tranon' i Isaac Hale izy sy ny rainy, toerana nifankahitan' i Joseph voalohany tamin' i Emma Hale izay ho lasa vadiny (JS—T 1:56–57). Nivady i Joseph sy i Emma ny 18 Janoary 1827. Nandray ny takelaka

volamena tao Manchester, New York Mpaminany i 22 Septambra 1827, ary fotoana fohy taorian' izay no nifindrany niaraka tamin' ny Emma nankany Harmony, toerana izay nanombohany nandika ireo takelaka tao amin' ny trano kely nonenany tsy lavitra ilay renirano. Nandritra ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, dia naniry ny hahalala misimisy kokoa momba ny batisa i Joseph sy i Oliver Cowdery ary nankao amin' ny renirano mba hivavaka amin' ny Tompo momba io raharaha io. Valin' izany, vavaka izany dia niseho i Jaona Mpanao Batisa ny 15 Mey 1829 (JS—T 1:66-74; F&F 13). Notolorany ny Fisoronana Aharôna i Joseph sy Oliver. Nidina tao amin' io renirano io izy roalahy rehefa izany ka nifanao batisa ho famelana heloka. Rehefa izany dia nasain' i Jaona Mpanao Batisa i Joseph sy i Oliver hifanokana amin' ny Fisoronana Aharôna. Fotoana fohy taorian' izay, dia niseho teo amoron' io renirano io i Petera sy i Jakoba ary i Jaona ka nanolotra an' i Joseph sy i Oliver ny Fisoronana Melkizedeka (F&F 27:12-13; 128:20).

6. Trano Vatan-kazon' i Peter Whitmer rainy

Ny trano vatan-kazon' i Peter Whitmer rainy naorina indray, natsangana eo tamin' ny toerana nisy ilay trano voalohany, ao Fayette, New York.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao no namitan' i Joseph Smith ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, ny faramparan' ny volana Jona 1829. Tao amin' ny ala tsy lavitra io trano io no hitan' ireo Vavolombelona Telo ny anjely Môrônia sy ny takelaka volamena. Ankehitriny dia vita printy ao amin' ny tahadika rehetra amin' ny Bokin' i Môrmôna ny fijoroana ho vavolombelona nataon' izy ireo. Ny 6 Aprily 1830 dia olona saha-bo ho 60 no nivory tao an-tranon' i Peter Whitmer ho vavolombelon' ny fananganana aradalàna ny Fiangonana i Jesoa Kristy. Natao tao ny fivoriana sy ny fihaonambe voalohan' ity Fiangonana vao misandratra ity. Noraisina tao amin' ny tranon' i Peter Whitmer ny roapolo tamin' ireo fanambarana voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

7. Tranombarotr' i Newel K. Whitney sy ny Namany

Nitana anjara toerana lehibe tao amin' ny tantaran' ny Fiangonana tao Kirtland io tranom-barotra io. Nonina tao i Joseph sy i Emma nandritra ny fotoana fohy. Lasa foiben' ny fiangonana izy tamin' ny taona 1832. Fanambarana manandanja maro no noraisina tao. Natao tao amin' ny tranom-barotra ny Sekolin' ny Mpaminany, nanomboka ny 24 Janoary 1833 ka hatramin' ny volana Aprily 1833.

Ny zava-dehibe nitranga: Nahazo fanambarana momba ny Tenin' ny Fahendrena ny Mpaminany Joseph (F&F 89). Tao no nanaovany ny ankamaroan' ny asa fandikana ny Baiboly.

8. Tranon' i John Johnson

Tao Hiram, Ohio, no nisy ny Tranon' i John sy i Alice Johnson. Ao amin' ny rihana ambony io efitra io.

Ny zava-dehibe nitranga: Nonina tao amin' io trano io ny Mpaminany Joseph Smith sy i Emma vadin' y. Nahazo ny fahitana mahatalanjona momba ireo ambaratongam-boninahitra teo anatrehan' ny olona maro hafa i Joseph sy i Sidney Rigdon ny 16 Febroary 1832 (F&F 76). Niasa ny Baiboly Dikan-tenin' i Joseph Smith (DJS) koa ny Mpaninany Joseph tao amin' io trano io. Ny 24 Martsa 1832, raha mbola nonina tao i Joseph sy i Emma, dia nisy mpihetraketraka nahitana ireo mpivadika sy ireo mpanohitra ny Môrmôna nikapoka mafy ary koa nanisy tara sy volombo-rona an' i Joseph sy i Sidney.

9. Tempolin' i Kirtland

Tao Kirtland, Ohio, ny Tempolin' i Kirtland.

Ny zava-dehibe nitranga: Ny Tempolin' i Kirtland no tempoly voalohany naorina tamin' ity fotoampitantanana ity (F&F 88:119; 95). Tao amin' io tempoly io no nahitan' i Joseph Smith fahitana mikasika ny fanjakana selestialy (F&F 137). Natokana ny 27 Martsa 1836 io tempoly io (F&F 109). Ary 3 Aprily 1836 dia niseho ny Mpamonjy ary nanaiky ny tempoly ho toerana izay hanambaran' ny teniny amin' ny vahoakany (F&F 110:1-10). Nanaraka io fisehoana io, dia namangy an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery i Mosesy, i Elià ary i Elia, ary nomen' izy rehetra azy ireo ny fanalahidy sasany izay an' ny fisoronana, sy ny fampahafantarana manan-danja (F&F 110:11-16). Nampiasaina ho an' ireo Olomasina nandritra ny roa taona io tempoly io, talohan' ny naha-voatery azy ireo handositra an' i Kirtland noho ny fanenjanana.

10. Ny Lohasaha Adama-ondia-Amàna

Mitodika miatsinanana mamakivaky ny lohasaha Adama-ondia-Amàna ny lohasaha mangina sy meva hita ao avarata andrefan' i Missouri, tsy lavitra ny faritr' i Gallatin.

Ny zava-dehibe nitranga: Telo taona talohan' ny nahafatesan' i Adama, dia nantsoiny ireo taranany marina hankao amin' io lohasaha io, ary natolony azy ireo ny tsodranony farany (F&F 107:53-56). Toerana nipetrahan' ny Olomasin' ny Andro Farany miisa 500 ka hatramin' ny 1000 i Adama-ondia-Amàna tamin' ny taona 1838.

Nilaozan' ny Olomasina io toerana io rehefa voaroaka avy tao Missouri izy ireo. Hiangona indray ao amin' io lohasaha io i Adama sy ny taranany marina, izay ahitana Olomasina avy amin' ny fotoampitantanana rehetra, mialohan' ny fivavian' i Kristy fanindroany amin' ny voninahitra, mba hifankahita amin' ny Mpamonjy (Dan. 7:9-10, 13-14; F&F 27; 107:53-57; 116:1).

11. Toeran' ny Tempolin' i Far West

Ny toeran' i Far West, Missouri, dia lasa fonenan' ny Olomasina miisa 3000 ka hatramin' ny 5000 izay nitady fialokalofana noho ny fanenjehana tao amin' ny Fivondronan' i Jackson sy i Clay. Nosamborina ny Mpaninany Joseph Smith sy ireo Mpitarika hafa ao amin' ny fiangonana ny 31 Ôktôbra 1838, ary nogadraina tao amin' ny fonjan' i Liberty rehefa avy notsaraina tao Richmond. Nandritra ny ririniny ny taona 1838-39, dia noroahina avy ao Far West sy avy amin' ireo toeran-kafa tao Missouri ny Olomasin' ny Andro Farany ary nifindra tao Illinois indray.

Ny zava-dehibe nitranga: Fanokanana ny toerana hisy ny tempoly sy fametrahana vatofehizoro. Fandraisana fanambarana fito izay navoaka tao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana (fizarana 113-115; 117-120). Teraka tao Far West ny 13 Nôvambra 1838 i Joseph F. Smith, Filoha fahenin' ny Fiangonana. Nampiasaina ho foiben' ny Fiangonana nandritra ny fotoana fohy i Far West teo ambany fitondran' ny Mpaminany Joseph Smith.

12. Fonjan' i Liberty

Fonja kely hita ao Liberty, Missouri. Notanana am-ponja tao amin' ny rindry matevina nahatratra 1,2 metatra i Joseph Smith sy ireo rahalahy dimy hafa, nanomboka ny 1 Desambra 1838 ka hatramin' ny 6 Aprily 1839. (I Sidney Rigdon no nafahana tamin' ny faran' ny volana Febroary). Nahiboka tao amin' ny rihana ambany na ny efitrano maiziny ilay trano izy ireo ary natory teo ambonin' ny vato mangatsiaka namelarana mololo, miaraka amin' ny jiro kely sy fiarovana zara raha misy amin' ny ririnina mangatsiaka.

Ny zava-dehibe nitranga: Nahazo ny valin' ny vavaka nataony ny Mpaninany Joseph raha nitalaho ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany an' arivony izay noroahina avy tao Missouri, ka nosoratany tao amin' ny taratasy ho an' ireo Olomasina nifindra monina izany (F&F 121-123).

13. Mansion House tao Nauvoo

Nifindra nankao amin' ny Mansion House tao Nauvoo i Joseph Smith zanany sy ny fianakavia-

ny ny volana Aogositra 1843. Tatỳ aoriana, dia notovanana ny ilany atsinanana tamin' ilay trano ka nahatratra 22 ny isan' ny efitra. Nanomboka ny volana Janoary 1844, dia nalamina i Ebenezer Robinson ho trano fandraisam-bahiny ny trano, ary nihazona efitra enina ho an' ny fianakaviany ny Mpaminany. Nampiasaina ho faibe misahana ny mponin' i Nauvoo ilay trano. Tao no nandraisan' ny Mpaminany ireo olo-manan-kaja ambony.

Ny zava-dehibe nitranga: Tamin' ny 27 Jiona 1844, fo notifirina sy novonoina tao Carthage, Illinois ny Mpaminany Joseph sy i Hyrum rahalahiny, ary nentina tao amin' io trano io ny mangatsiaka mba handrasana mialohan' ny fandevenana. Ao amin' ny tany kely misy ny fasam- nianakaviana, ampitan' ny Main Street izay andrefan' ny trano vatan-kazo tranainy nonenan' i Joseph fony izy tonga voalohany tao Nauvoo, no nalevana izy ireo. Nipetraka tao amin' ny Mansion House i Emma Smith hatramin' ny taona 1871. Nifindra tao amin' ny Nauvoo House izy rehefa izany ary maty tao tamin' ny taona 1879.

14. Ny Tranombarotra Biriky Mena an' ny Mpaminany Joseph Smith

Ity tranom-barotra sy biraon' ny Mpaminany Joseph Smith naorina indray ity dia hita ao Nauvoo, Illinois. Iray amin' ireo trano nanandanja indrindra tamin' ny Fiangonana nandritra ny vanimpotoanan' i Nauvoo io trano io. Tsy vitan' ny nampiasaina ho foibem-barotra fotsiny izany, fa koa lasa foibe misahana ny fiarahamiantana ara-piarahamonina, ara-toekarena, ara-pôlitika ary ara-pivavahana. Nanana birao tao amin' ny rihana ambony i Joseph Smith.

Ny zava-dehibe nitranga: Talohan' ny nahavitan' ny tempoly, dia nampiasaina ho efitranon' ny ôrdônansy ny rihana ambony amin' ny tranom-barotra, ka tao no nanatanterahana ny fanafiana masina feno voalohany. Nandamina ny vehivavin' ny Fiangonana ho Fikambanana Ifanampiana ny Mpaminany Joseph ny 17 Martsa 1842.

15. Tempolin' i Nauvoo

Ity sary dika mitovy amin' ny Tempolin' i Nauvoo ity dia mipetraka eo amin' ny toerana nisy ilay voalohany. Naorina avy amin' ny vato sokay fotsy matroka hita eo an-toerana ny tempoly. 39 metatra ny halavan' ny trano ary 27 metatra ny sakany. Miala 48 metatra amin' ny tany ny tendron' ny tilikambo. Nahafoty tena fatratra ny mpikamban' ny fiangonana hanangana io tempoly tsara tarehy io, ary nanomboka tamin' ny taona 1841 ny asa. Ny sasany niasa amam-bolana teo amin' ny trano, ny hafa naha-

foay ny volany. Na dia tsy mbola vita tanteraka aza ny tempoly, dia feno hipoka noho ny mpi-kambana izay tonga hanao ireo ôrdônansy, nandritra ireo volana nialoha ny fandosirana ho any andrefana. Na nandao an' i Nauvoo tamin' ny fiandohan' ny lohataonan' ny taona 1846 aza ny maro tamin' ireo Olomasina noho ny fampihoro-horoan' ny mpihetraketraka, dia nisy tarika manokana kosa nijanona hamita ny tempoly. Ny 30 Aprily 1846, dia nanokana io tranon' ny Tompo io ny Lolohola Orson Hyde sy i Wilford Woodruff ary ny olona sahabo ho roapolo hafa. Nilaozana ny tempoly ny volana Septambra rehefa noroahina tao Nauvoo ny mpikamban' ny Fiangonana sisa tavela; rehefa izany dia novetavetaina sy nolotoin' ireo mpihetraketra ilay trano masina. Ravan' ny afo izany ny volana Ôktôbra 1848.

Ny zava-dehibe nitranga: Notanterahina tao amin' ny efitrano fivoriana tao amin' ny tempoly ny fihanonambe ny 5 Ôktôbra 1845. Nanomboka ny 10 Desambra 1845 ny fanafiana masina ary nitohy hatramin' ny 7 Febroary 1846. Olomasin' ny Andro Farany mihoatra ny 5500 no nandray ny fanafiana masina ho an' ny tenany ary maro ny batisa ho an' ny maty sy ny famehezana notanterahina.

16. Fonjan' i Carthage

Ny tranomaizina ao amin' ny tanànan' i Carthage, Illinois.

Ny zava-dehibe nitranga: Nizotra nankany Carthage i Joseph Smith sy i Hyrum rahalahiny ny 24 Jona 1844. Naiditra am-ponja teo ambany fampangana lainga ho mpamadika izy ireo ny 25 Jona. Ny 27 Jona dia mpihetraketraka nahitana lehilahy sahabo ho 100, miaraka amin' ny tarehy miloko mainty, no nanafika ny fonja. Voatifitra ka maty i Joseph sy i Hyrum, i John Taylor kosa azon-dratra maromaro. Tsy nampino ny tsy fisian' ny ratra teo amin' i Willard Richards. Nanoratra ny fahatsiarovana nentanim-panahy hita ankehitriny ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 i John Taylor taty aoriana.

17. Fifindra-monina ho any Andrefana

Voalamina hotanterahina ny volana Martsa-Aprily ny fanombohana ny fandaozana an' i Nauvoo, Illinois, saingy noho ny fampitahoran' ny mpihetraketraka, dia nodidian' ny Filoha Brigham Young ny hanombohan' ny fifindra-monin' ny Olomasina miampita ny Renirano Mississippi ny 4 Febroary 1846. Nijanona teo antoerana ny Filoha Young hanatanteraka ny fanafiana masina amin' ireo Olomasina, ka tsy nan-

dao an' i Nauvoo raha tsy ny tapatapaky ny volana Febroary.

Ny zava-dehibe nitranga: Naminany toy izao ny Mpaminany Joseph Smith talohan' ny nahafatesany: "Ny sasany aminareo dia ho velona ka handeha sy hanampy amin' ny fanorenana fone-nana sy fananganana tanàna ary hahita ny Olomasina ho tonga vahoaka mahery eo anivon' ny Rocky Mountains." Olomasina sahabo ho 12000 no nandao an' i Nauvoo nanomboka ny volana Febroary ka hatramin' ny volana Septambra 1846. Taorian' ny nandaozan' ny Olomasina an' i Winter Quarters sy ireo toerana hafa taty aoriana, dia nalamina ho andiany folo, dimampolo ary zato teo ambany fitarihan' ny kapitenin' ny andiany izy ireo (F&F 136:3). Ny volana Septambra 1846, dia mpihetraketraka sahabo ho 800 lahy miaraka amin' ny tafondro enina no nanao fahirano an' i Nauvoo. Taorian' ny ady naharitra andro vitsivitsy, dia voatery nitolo-batana ireo Olomasina sisa tavela mba hanavotany ny ainy sy hahafahany miampita ny renirano. Lehilahy, vehivavy, ary zaza sahabo ho dimanjato ka hatramin' ny eninjato no niampita ny renirano sy nilasy teo amoron-drano. Nandefa andiana mpamonjy nitondra vatsy ny Filoha Brigham Young mba hanavotana ireo "Olomasina mahantra" ireo.

18. Tempolin' i Salt Lake

Andro vitsivitsy talohan' ny nidiran' ny andiana Olomasina mpisava lalana voalohany ny Lohasahan' i Salt Lake, dia nikapoka ny tany tamin' ny tehiny ny Filoha Brigham Young ary niteny hoe: "Eto no hanorenantsika ny tempolin' ny Andriamanitsika." Ny 14 Febroary 1853 no natao ny fihadiana tany voalohany. Ny 6 Aprily 1853 no napetraka ny vatofehizoro. Vita sy notokanana ny tempoly rehefa afaka efapolo taona, ny 6 Aprily 1893. Mivory ao isan-kerinandro ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo hikatsaka ny fitarihan' ny Tompo amin' ny fitantanana sy fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao no nandrotsahan' ny Tompo tamin' ny Filohan' ny Fiangonana sy ireo Manampahefana Ambony hafa ny fanahin' ny fanambarana, ka isan' izany ny Fanambarana Ofisialy—2. Vao haingana kokoa, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apostoly Roa ambin' ny folo no niara-nankatò sy namoaka ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izaio Tontolo Izaio." Nitahy ny fiainan' ny olona antipitrisany ireo ôrdônansin' ny tempoly izay notanterahina ho an' ny velona sy ny maty.

FANONDROANA ANARAN-TOERANA

Adama-ondia- Amàna, Missouri, 5:E3 Afrika, 7:F2 Albany, New York, 1:D3 Amerika Afovoany, 7:B2 Amerika Atsimo, 7:D3 Amerika Avaratra, 7:B2 Amherst, Ohio, 3:D4 Antarktika, 7:F4 Aostralia, 7:H3 Arkansas, Renirano, 6:E3 Armington, Lalana, Schoolhouse, faritr' i Palmyra, 2:E3 Asia, 7:G2 Banky, Kirtland, 4:B4 Boston, Massachusetts, 1:E3 Buffalo, New York, 3:F2 California, 6:A3 California, Lalan' i, 6:B2 Canadian, Renirano 6:E3 Canandaigua, Lalana, faritr' i Palmyra, 2:D3 Carthage, Illinois, 5:H2 Chagrin, Renirano, Sampany Atsinanana, Kirtland, 4:B1 Chariton, Renirano, Missouri, 5:F2 Chillicothe, Lalana, Kirtland, 4:B4 Cleveland, Ohio, 3:D4	Colesville, New York, 1:B3, 3:I3 Connecticut, 1:D3 Connecticut, Renirano 1:E1 Council Bluffs (Kanesville), Iowa, 5:D1, 6:F2 Cowdery, Arabe, Kirtland, 4:A3 Delaware, Renirano, 1:B4 DeWitt, Missouri, 5:F3 Eoropa, 7:F1 Erie, Lakandrano, New York, 2:B2, 3:G1 Fanaovam-biriky, Kirtland, 4:A2 Fanaovan-davono- na, Kirtland, 4:B3 Fandidiana hazo, Kirtland, 4:B2 Fandoman-koditra, Kirtland, 4:B2 Farihy Erie, 3:D3 Farihy Finger, New York, 1:A3, 3:H2 Farihy Huron, 3:D1 Farihy Ontario, 1:A2, 3:F1 Farmington, Tanànan' i, faritr' i Palmyra, 2:A4 Far West, Missouri, 5:E3, 6:F2 Fasana, Kirtland, 4:B3 Fayette, New York, 1:A3, 3:H2, 6:H1 Fishing, Renirano, Missouri, 5:E3 Fitotoambary, Kirtland, 4:B2 Fort Bridger, 6:D2 Fort Hall, 6:B1 Fort Laramie, 6:D2	Fort Leavenworth, 5:E4, 6:F2 Fox, Lalana, faritr' i Palmyra, 2:A3 Freedom, New York, 3:G2 Gallatin, Missouri, 5:E3 Garden Grove, Iowa, 5:E2 Gila, Renirano, 6:B4 Gilsum, New Hampshire, 1:E2 Grand, Renirano, Missouri, 5:E2 Grandin, E. B., Efitrano Fanaovana prin- ty, Palmyra, 2:D2 Great Salt Lake, 6:B2 Harmony, Pennsylvania, 1:B3, 3:I3 Harris, Martin, Toeram-piompia- na sy fambolen' i, faritr' i Palmyra, 2:B1 Harris, Martin, Tranon' i, Kirtland, 4:E4 Hathaway Brook, Sakelidranon' i, faritr' i Palmyra, 2:B2, 2:E4 Haun, Fitotoambarin' i, Missouri, 5:E3 Havoana Komôrà, faritr' i Palmyra, 2:D4 Hiram, Ohio, 3:D4 Hudson, Renirano, New York, 1:D3 Illinois, 5:H3, 6:G2 Independence, Missouri, 5:E4, 6:F2 Indiana, 6:G2	Indiana, Faritanin' ny 5:B2, 6:D1, 6:E3 Iowa, 5:F1, 6:F2 Jackson, Fivondronan' i, Missouri, 5:E4 Johnson, John, Trano fandrai- sam-bahinin' i, Kirtland, 4:B2 Joseph, Lalana, Kirtland, 4:A4 Kanada, 1:D1, 3:D3, 3:E2, 6:G1 Kirihihr' ala Masina, faritr' i Palmyra, 2:B3 Kirtland, Ohio, 3:D3, 6:G2 Kirtland, Tempolin' i, 4:B4 Knight, Joseph, rainy, Tranon' i, Tanànan' i, Colesville, New York, 3:I3 Knight, Vinson, Tranon' i, Kirtland, 4:A4 Lebanon, New Hampshire, 1:E2 Liberty, Missouri, 5:E4, 6:F2 Los Angeles, 6:A3 Macedon, Tanànan' i, faritr' i, Palmyra, 2:A1 Maine, 1:E2 Manchester, Tanànan' i, New York, 1:A3, 2:E3, 3:G2 Markell, Lalana, Kirtland, 4:A2 Massachusetts, 1:D3 McIlwaine' s Bend, Missouri, 5:F3 Mendon, New York, 3:G2

Mexico, 6:B3 Misiôna San Luis Rey, 6:A4 Mississippi, Renirano, 5:H3 Missouri, 5:G3, 6:F3 Missouri, Renirano, 5:D2, 5:G4 Montrose, Iowa, 5:G2 Morley, Isaac, Toeram-piompia- na sy fambolen’ i, Kirtland, 4:E1 Nauvoo, Illinois, 5:G2, 6:F2 New Hampshire, 1:E2 New Jersey, 1:B4 New York, 1:B3, 3:G3, 6:H1 New York City, 1:D4, 6:H1 North Platte, Renirano, 6:D2 Norwich, Vermont, 1:E2 Ohio, 3:B4, 6:G2 Ontario, Fivondronan’ i, New York, 2:A3, 2:D3 Orange, Ohio, 3:D4 Oregon, Faritanin’ i, 6:A1 Palmyra, Tanànakelin’ i, New York, 2:D2 Palmyra, Tanànan’ i, New York, 1:A3, 2:E1, 3:G2 Pecos, Renirano, 6:D4 Pennsylvania, 1:B3, 3:F3, 6:H2 Perrysburg, New York, 3:F2 Philadelphia, Pennsylvania, 1:B4, 6:H2	Platte, Renirano, 5:B1 Pratt, Parley P., Tranon’ i, Kirtland, 4:A3 Printy, Trano Fanontana, Kirtland, 4:B4 Pueblo, 6:D3 Quincy, Illinois, 5:G2, 6:F2 Ramus, Illinois, 5:H2 Ranomasiombe Atlantika, 1:E4, 6:I2 Ranomasiombe Atlantika Atsimo, 7:E4 Ranomasiombe Atlantika Avaratra, 7:E2 Ranomasiombe Indiana, 7:G3 Ranomasiombe Pasifika, 6:A1, 7:A3 Ranomasiombe Pasifika Atsimo, 7:A4 Ranomasiombe Pasifika Avaratra, 7:A2, 7:I2 Red Creek, faritr’ i Palmyra, 2:E2 Rhode Island, 1:E3 Richmond, Missouri, 5:E4 Rigdon, Sidney, Tranon’ i, Kirtland, 4:B4 Rio Grande, Renirano, 6:D4 Rochester, New York, 3:G1 Sacramento, 6:A2 Salem, Massachusetts, 1:E3	Salt Lake City, 6:B2 San Bernardino, 6:B3 San Diego, 6:A4 San Francisco, 6:A2 Santa Fe, 6:D3 Sekoly, Kirtland, 4:B3 Sharon, Vermont, 1:D2 Shoal Creek, Missouri, 5:E3 Smith, Alvin, Toerana misy ny fasan’ i, Palmyra, 2:D2 Smith, Hyrum, Tranon’ i, Kirtland, 4:B4 Smith, Joseph, rainy, Toeram- piompiana sy fambolen’ i, fari- tr’ i Palmyra, 2:B3 Smith, Joseph, rainy, Trano hazon’ i, faritr’ i Palmyra, 2:B3 Smith, Joseph, rainy, Trano vatan-kazon’ i, faritr’ i Palmyra, 2:B3 Smith, Joseph, zana- ny, Fivarotan- javatra isan-kara- zan’ i, Kirtland, 4:B3 Smith, Joseph, zana- ny, Tranon’ i, 3:I3, 4:B3 Snake, Renirano, 6:B1 South Bainbridge, New York, 3:I3 South Platte, Renirano, 6:D2 Springfield, Illinois, 5:I2	St. Louis, Missouri, 5:I4 Stafford, Lalana, faritr’ i Palmyra, 2:B4 Susquehanna, Renirano, Pennsylvania, 1:A4, 3:H3 Tendrombohitra Pisgah, Iowa, 5:E1 Thompson, Ohio, 3:E3 Toerana fanaovana batisa, Kirtland, 4:B2 Tohodrano, Kirtland, 4:B2 Topsfield, Massachusetts, 1:E3 Toronto, Kanada, 3:F1 Tucson, 6:B4 Tunbridge, Vermont, 1:D2 Vermont, 1:D2 Washington, D.C., 6:H2 Wayne, Fivondronan’ i, New York, 2:A3, 2:D2 Whitingham, Vermont, 1:D3 Whitney, Lalana, Kirtland, 4:A3 Whitney, Newel K., Tranombarotr’ i, Kirtland, 4:B2 Whitney, Newel K., Tranon’ i, Kirtland, 4:B2 Winter Quarters, Faritany Indiana, 5:B1, 6:F2

Ireto sarintany manaraka ireto dia mety hanampy anao hahalala bebe kokoa ny tantaran’ ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany tany am-piandohan-ny, ary koa ireo soratra masina nambara tamin’

ny alalan’ ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo mpandimby azy. Amin’ ny fahafantarana ny jeôgrafian’ ireo tany resahina ao amin’ ny soratra masina, dia hahatakatra bebe kokoa ireo zavamitranga ao amin’ ny soratra masina ianao.

- 1. ETAZONIA AVARATRA ATSINANANA
- 2. PALMYRA-MANCHESTER, 1820–1831
- 3. NY FARITR’ I NEW YORK, PENNSYLVANIA, ARY OHIO ANY ETAZONIA
- 4. KIRTLAND, OHIO, 1830–1838

- 5. NY FARITR’ I MISSOURI, ILLINOIS, ARY IOWA ANY ETAZONIA
- 6. NY DIAN’ NY FIANGONANA MIANKANDREFANA
- 7. SARITANIN’ IZAO TONTOLO IZAO

Ny fanondroana araka ny abidia ny anaran-toerana dia hanampy anao hahita ny toerana manokana iray eo amin’ ny sarintany. Ny lohateny tsirairay dia ahitana ny laharan’ ny sarintany, arahin’ ny fomba fandaharana izay mampifanaraka tarehi marika sy tarehintsoratra. Ohatra: ny toerana misy ny Fort Hall dia nomena ny laharana 6:B1; izany hoe sarintany faha-6, efamira B1. Azonao atao ny mitady ny efamira eo amin’ ny sarintany iray amin’ ny alalan’ ny fijerena tarehi ny marika sy ny tarehintsoratra izay eo ambony sy eo amin’ ny sisin’ ilay sarintany. Ny anarana hafa entin’ ny toerana iray dia voasoratra ao anaty fononteny; ohatra: Council Bluffs (Kanesville).

Ranomasimbe Atlantika

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho famantarana ny toerana ara-jeôgrafia toy ny ranomasimbe, ny ranomasina, ny farihy, ny renirano, ny tendrombohitra, ny tany foana, ny lohasaha, ny efitra, ary ny nosy.

Izao manaraka izao no fanalahidy hahatakarana ireo marika sy tarehintsoratra izay ampiasaina eo amin’ ny sarintany. Anampy izany, ny sarintany tsirairay dia mety hiraikitra fanalahidy miaraka amin’ ny fanazavana ireo fanampin-tarehi marika izay an’ izany sarintany izany manokana.

Palmyra

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an’ ny tanàn-dehibe sy ny tanàna rehetra.


— Ny teboka mena dia maneho tanàn-dehibe na tanàna. Mety hisy tsipika miala avy eo amin’ ny teboka, ka manondro ny anaran’ ilay tanàna na toerana.

NEW YORK


Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an’ ireo fitsinjarazarana ara-pôlitika, toy ireo faritra sy faritany ary faritanin’ any Amerika.

KANADA

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an’ ireo fitsinjarazarana ara-pôlitika, toy ireo firenena sy ireo Kaontinanta.




1. Topsfield Toerana nahaterahan’ i Joseph Smith rainy, teraka ny 12 Jolay 1771. 2. Gilsum Toerana nahaterahan’ i Lucy Mack, teraka ny 8 Jolay 1775. 3. Tunbridge Toerana nivadian’ i Joseph Smith rainy sy i Lucy Mack, ny 24 Janoary 1796. 4. Whitingham Toerana nahaterahan’ i Brigham Young, teraka ny 1 Jona 1801. 5. Harmony Teraka tao an-tanànan’ i Harmony i Emma Hale, ny 10 Jolay 1804.	6. Sharon Toerana nahaterahan’ i Joseph Smith zanany, ny 23 Desambra 1805 (jereo JS—T 1:3). 7. Lebanon Nonina tao amin’ ny tanànan’ i Lebanon ry Smith mianakavy nanomboka ny taona 1811 ka hatramin’ ny taona 1813, ary nandritra izany fotoana izany no manaovana fandidiana maromaro ny tongotr’ i Joseph Smith zanany. 8. Norwich Nonina tao ry Smith mianakavy nanomboka ny taona 1814 ka hatramin’ ny taona 1816, talohan’ ny nifindrany tany Palmyra. 9. Palmyra Nifindra tao ry Smith mianakavy tamin’ ny taona 1816 (jereo JS—T 1:3).



1. Trano vatan-kazon' i Joseph Smith rainy Niseho tamin' i Joseph Smith tao ambony rihan' io trano io ny anjely Môrônia ny 21-22 Septambra 1823 (jereo JS—T 1:29-47). 2. Toeram-piompiana sy fambolena' i Joseph Smith rainy Io toeram-piompiana sy fambolena mirefy 4,7 hektara io dia nokarakaraindry Smith mianakavy nanomboka ny taona 1820 ka hatramin' ny taona 1829. 3. Ny Kirihihr' Ala Masina Tao amin' io ala io no nisian' ny Fahitana Voalohany azon' i Joseph Smith Zanany ny fiandohan' ny lohataona 1820 (jereo JS—T 1:11-20). 4. Trano hazon' i Joseph Smith rainy Natombok' i Alvin Smith tamin' ny taona 1822 io trano io ary nonenandry Smith mianakavy ny taona 1825 ka hatramin' ny taona 1829.	5. Ny Havoana Komôrà Teo no nanomezan' ny anjely Môrônia ireo takelaka volamena tamin' ny Mpaminany Joseph Smith ny 22 Septambra 1827 (jereo JS—T 1:50-54, 59). 6. Toeram-piompiana sy fambolena' i Martin Harris Natao antoka io toeram-piompiana sy fambolena io ary namidy ny ampahany mba handoavana ny fanontana printy ny Bokin' i Môrmôna. 7. Efitrano Fanaovana Printin' i E. B. Grandin Tahadika 5000 amin' ny Bokin' i Môrmôna no natonta tao ny taona 1829-1830. 8. Hathaway Brook Notanterahina tao amin' io sakelidrano io ny sasany tamin' ireo batisa voalohany tao amin' ny Fianganona.



1. **South Bainbridge** Tao no nivady i Joseph Smith zanany sy i Emma Hale ny 18 Janoary 1827 (jereo JS—T 1:57).
2. **Colesville** Tao an-tranon' i Joseph Knight rainy, tao antanantan' i Colesville, no natsangana ny sampana voalohany tao amin' ny Fiangonana tamin' ny taona 1830.
3. **Tranon' i Joseph Smith zanany tao Harmony** Tao no namitana ny ankabeazan' ny fandikana ny Bokin' i Mórmona. Teo amin' ny moron' ny Renirano Susquehanna no namerenana indray ny fisoronana ny taona 1829 (jereo F&F 13:128-20; JS—T 1:71-72).
4. **Fayette** Nahita ny anjely Mórmona sy ny takelaka volamena ireo Vavolombelona Telo (F&F 17). Vita tao tamin' ny volana Jona 1829 ny fandikana ny Bokin' i Mórmona.
5. **Mendon** Isan' ny toerana voalohany nonenan' i Brigham Young sy i Heber C. Kimball.
6. **Kirtland** Nijanona tao ireo misiônara avy any Kirtland izay nirahina hankany amin' ny Lamanita tamin' ny taona 1830, ka nanao batisa an' i Sidney Rigdon sy ireo hafa tao amin' ny faritr' i Kirtland. Foiben' ny Fiangonana izany ny taona 1831 ka hatramin' ny taona 1838. Naorina tao Kirtland ny tempoly voalohany amin' izao fotoampiantanana izao ary notokanana ny 27 Marisa 1836 (jereo F&F 109).
7. **Lakandrano Erie** Ireo sampana telon' ny Fiangonana tao
- New York dia nifindra tao Kirtland, Ohio, nandalo ny Lakandrano Erie sy ny Farihy Erie, ny volana Aprily sy Mey 1831.
8. **Hiram** Norina tao i Joseph sy i Emma nanomboka ny volana Septambra 1831 ka hatramin' ny volana Septambra 1832. Niasa ny Baiboly, dikan-tenin' i Joseph Smith (DJS) i Joseph sy i Sidney Rigdon. Noraisina tao ireto fanambarana ireto: F&F 1, 65, 67, 68, 69, 71, 73, 74, 76, 77, 79, 80, 81, 99, 133.
9. **Amherst** Notohanana ho Filohan' ny Fisoronana Avo i Joseph Smith ny 25 Janoary 1832 (jereo F&F 75).
10. **Toronto** Forenan' i John Taylor, Filoha fahatelon' ny Fiangonana sy i Mary Fielding Smith, vadiv' i Hyrum Smith.




1. **Tranon' i Newel K. Whitney** Tao no nonina nandritra ny herinandro maromaro i Joseph sy i Emma taorian' ny nifindrany voalohany tao Kirtland ny taona 1831.
2. **Toeram-piompiana sy fambolon' i Isaac Morley** Tao no nonina i Joseph sy i Emma Smith ilay volana Martsa ka hatramin' ny volana Septambra taona 1831. Tao no natokana ireo mpisorona avo voalohany. Nanao ny Dikan-tenin' i Joseph Smith (DJS) i Joseph.
3. **Tranombarotr' i Newel K. Whitney** Tao no nomena ny Fiadidiana Voalohan' ny Fiangonana ireo fanalahidin' ny fanjakana. Tao no nivory voalohany ny sekolin' ny Mpaminany. Teo am-pamitana tao ny DJS tamin' ny taona 1833. Tao no nonina i Joseph sy i Emma nanomboka ny taona 1832 ka hatramin' ny taona 1833. Maro ny fanambarana noraisin' i Joseph tao.
4. **Trano fandraisam-bahinin' i John Johnson** Tao no nantsoina ho Patriarika voalohany ao amin' ny Fiangonana i Joseph Smith rainy, ny taona 1833. Nahitana ny trano printy voalohany tao Kirtland ilay tranom-bahiny. Natonta tao ny *Evening and the Morning Star* taorian' ny naharavan' ny fitaovana fanontana printy tao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri. Avy tao no niaingan' ny Apostoly Roa amin' ny folo ny 4 Mey 1835 hamita ny asa nanirahana azy voalohany.
5. **Tranon' i Joseph Smith zanany** Nonina tao i Joseph


sy i Emma ny taona 1834 ka hatramin' ny taona 1837. Natomboka ny fandikana ny Bokin' i Abrahama.

6. **Trano Printy** Nomena tao amin' io trano io ny *Lectures on Faith*. Tao no nantsoina sy natokana ny Apostoly Roa amin' ny folo sy ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololaha. Natonta tao ny Fotopampianarana sy ny Fanekempihavanana (famoahana voalohany mbola), ny Bokin' i Mōrmōna (famoahana faharoa ny boky), ny *Evening and the Morning Star*, ny *Latter Day Saints' Messenger and Advocate*, ary ny famoahana voalohany ny *Elders' Journal*.
7. **Tempolin' i Kirtland** Io no tempoly voalohany tamin' izao fotoampitantanana izao. Niseho sy nankasitraka ny tempoly i Jesoa Kristy. Niseho i Mosesy, i Elià ary i Elia ka namerina ireo fanalahidin' ny fisoronana sasany (jereo F&F 110). Nivory tao koa ny sekolin' ny Mpaminany. Noraisina tao ireto fanambarana ireto: F&F 109, 110, 137.


Kirtland (tsy voalaza ny toerana) Nankatoavina ho soratra masina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny 17 Aogositra 1835. Isan' ny fanambarana azo tao Kirtland ny F&F 41–50, 52–56, 63–64, 102–104, 106–110, 134, ary 137. Ny Fizarana 104 dia manondro ny fananana sasany izay homena hotandreman' ny mpikamban' ny Fiangonana mandray anjara ao amin' ny lamina miray (jereo andininy 19–46).




- 1. Independence** Nambara ho ny ivon-toeran' i Zona (jereo F&F 57:3). Natokana tao ny 3 Agositra 1831 ny toerana iray ho an' ny tempoly. Noroahina avy tao ny Olomasina tamin' ny taona 1833.
- 2. Renirano Fishing** Nandeha avy any Kirtland, Ohio, nankany Missouri i Joseph Smith sy ny Tobin' i Zona tamin' ny taona 1834 mba hamerina ireo Olomasin' ny Fivondronan' i Jackson tamin' ny tany. Teo amin' ny moron' io renirano io no nanambara ny F&F 105.
- 3. Far West** Io no fioreniam-ponenana Mômona lehibe indrindra tao Missouri. Natokana tao amin' io toerana io ny toerana iray ho an' ny tempoly (jereo F&F 115). Nandray antso avy amin' ny Tompo hamita iraka any amin' ireo nosy Anglisy ny Kôlejin' ny Roaminifilolahy (jereo F&F 118).
- 4. Adama-ondia-Amàna** Tompo dia nanambara io toerana ao Missouri ambony io ho ny toerana izay hisian' ny fivorana lehibe rehefa avy i Jesoa Kristy hihana amin' i Adama sy ireo taranany marina (jereo F&F 78:15; 107:53-57; 116).
- 5. Fonjan' i Liberty** Nogadraina tsy ara-drainy tao i Joseph Smith sy ireo hafa ny volana Desambra 1838 ka hatramin' ny volana Aprily 1839. Niantso ny Tompo mba hahazo fiaraha i Joseph tao anatin' ireo fotoan-tsarotra nolalovan' ny Fiangonana, ary nahazo ny F&F 121-123.
- 6. Nauvoo** Io toerana miorina eo amin' ny Renirano Mississippi io no toerana nivorian' ny Olomasina ny taona 1839 ka hatramin' ny taona 1846. Naoirina tao ny tem-poly, ary natomboka ireo ôrdônansy toy ny batisa ho an' ny toerana miorina.
- 7. Carthage** Tao no namonoana ho maritiora ny Mpaminany Joseph Smith sy i Hyrum rahalahiny ny 27 Jona 1844 (jereo F&F 135).
- 8. Winter Quarters** Foiben-toerana nipetrahan' ny Oloma-sina (1846-1848) an-dalana ho any amin' ny Lohasahan' i Salt Lake. Natsangana ny tobira i Israely ho an' ny dia miankandrefana (jereo F&F 136).
- 9. Council Bluffs** (Kanesville) Notohanana tao ny Fiadi-diana Voalohany ny 27 Desambra 1847, ary i Brigham Young no Filoha.



- Fayette** Nandao an' i Fayette hankany Kirtland, Ohio, ny Mpaminany Joseph Smith, ny volana Janoary 1831. Nanaraka ireo sampiana telo tao New York ny volana Aprily sy Mey 1831 noho ny fandidian' ny Tompo azy ireo hangana (jero F&F 37; 38).
- Kirtland** Foiben' ny Fiangonana ny 1 Febroary 1831 ka hatramin' ny 12 Janoary 1838, rehefa nifindra tao Far West, Missouri, ny Mpaminany.
- Independence** Ny Tompo dia nanambara an' i Independence (ao amin' ny Fivondronan' i Jackson, Missouri) ho ny ivon-toeran' i Ziona, ny volana Jolay 1831 (jero F&F 57/3). Norahin' ireo mpifetraktraka hiala tao amin' ny Fivondronan' i Jackson ny Olomasina ny Novambra 1833.
- Liberty** Nangona tao amin' ny Fivondronan' i Clay ireo Olomasina avy ao amin' ny Fivondronan' i Jackson ny taona 1833 ka hatramin' ny taona 1836, batoana izay nangatahana azy ireo hifindra indray. Nogadraina tao ny Mpaminany Joseph Smith sy ny hafa.
- Far West** Natsangana tao ny toeram-pialakolafana iray ho an' ny Olomasina tamin' ny 1836-1838. Foiben' ny fiangonana izany tamin' ny taona 1838. Noterena handositra any Illinois ny Olomasina tamin' ny taona 1838-39.
- Nauvoo** Foiben' ny Fiangonana tamin' ny taona 1839-1846. Niankandrefana ny Olomasina taorian' ny namoronana maritiora ny Mpaminany sy i Hyrum rahalahiny.
- Council Bluffs** Tonga tao ireo mpisava lalana ny volana Jona 1846. Nanainga ny 21 Jolay 1846 teo ambany fitarihan' i James Allen ireo mpikambana ao amin' ny Andia-miaranila Môrmôna.
- Winter Quarters** Foiben' ny Fiangonana tamin' ny taona 1846-1848. Nanainga ho any andrefana ny andiany mpialoha lalana teo ambany fitarihan' ny Filoha Brigham Young ny volana Aprily 1847.
- Fort Leavenworth** Nomena fiadiana tao ny Andia-miaranila Môrmôna talohan' ny nanombohany ny dia miankandrefana ny volana Aogositra 1846.
- Santa Fe** Niegihy ny Andia-miaranila Môrmôna i Philip Cooke raha izy ireo niala avy tao ny 19 Ôktôbra 1846.
- Pueblo** Nodidina hiala sasatra tao Pueblo ireo antoko-miaramila telo izay narary, ka tao no nandianany ny ririn' ny taona 1846-1847, niaraka tamin' ireo Olomasina avy any Mississippi. Niditra tao amin' ny Lohasahan' i Salt Lake izy ireo ny volana Jolay 1847.
- San Diego** Tao no nahataperan' ny Andia-miaranila Môrmôna ny dia an-tongotra mirefy 3200 kilaoemetatra, ny 29 Janoary 1847.
- Los Angeles** Tao no nafahana tamin' ny raharaha miaramila ny Andia-miaranila Môrmôna ny 16 Jolay 1847.
- Sacramento** Niasa tao sy tao amin' ny fitoam-boan' i Sutter atsinanana kokoa eo amin' ny Renirano American ireo mpi-kambana sasany tao amin' ny andia-miaranila, ka nanampy tamin' ny fatadiavana volamena tao.
- Salt Lake City** Tonga tao amin' ny Lohasahan' i Salt Lake i Brigham Young ny 24 Jolay 1847.





1. NY KIRIHITR' ALA MASINA Tao amin' ireo hazo tsy lavitra ny tranony ireo no nandraisan' ny Mpaminany Joseph Smith ny Fahitana Voalohany.




2. NY HAVOANA KOMÔRÀ SY NY FARITR' I MANCHESTER SY PALMYRA Naniraka an' i Joseph Smith ny anjely Môrônia hizaha ireo takelaka volamena izay naleviny tao amin' io havoana io. (Eo afovoany havanana ilay havoana.)



3. TRANO VATAN-KAZON' I JOSEPH SMITH RAINY Io dia ala-tahaka ny trano izay nonenandry Smith mianakavy fahiny.



4. EFITRANO FANAOVANA PRINTIN' I E. B. GRANDIN Tao no nanontana printy voalohany ny Bokin' i Môrmôna.



5. **RENIRANO SUSQUEHANNA** Teo amoron' io renirano io no namerenana indray ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka (jereo F&F 13; 128:20).



6. **TRANO VATAN-KAZON' I PETER WHITMER RAINY** Io ala-tahaka io dia naorina teo amin' ny toerana izay nananganana ny Fiangonana ny 6 Aprily 1830.



7. **TRANOMBAROTR' I NEWEL K. WHITNEY SY NY NAMANY** Tao no nandraisana ny fanambarana izay lasa fantatra amin' ny hoe Ny Tenin' ny Fahendrena (jereo F&F 89), miaraka amin' ny fanambarana hafa.



8. **TRANON' I JOHN JOHNSON** Raha mbola niasa tamin' ny fandikana ny Baiboly tao amin' io trano io ny Mpaminany Joseph Smith sy i Sidney Rigdon, dia nandray ny fanambarana izay voarakitra ankehitri-ny ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 76, miaraka amin' ny fanambarana hafa.



9. TEMPOLIN' I KIRTLAND Tempoly naorina voalohany tamin' izao fotoampitantanana izao, ny taona 1836. Niseho tao amin' io tempoly io i Jesoa Kristy, i Mosesy, i Elià ary i Elia ary namerina ireo fana-lahidin' ny fisoronana (jereo F&F 110).



10. NY LOHASAHA ADAMA-ONDIA-AMANA Nivory tao i Adama sy ny taranany marina (jereo F&F 107:53-57). I Adama, ireo mpaminany hafa, ary ireo Olomasina mahatoky tamin' ny vanim-potoana rehetra dia hihaona amin' ny Mpamonjy ao, mialohan' ny fiaviany fanindroany.



11. NY TOERANAN' NY TEMPOLIN' I FAR WEST Nandidy ireo Olomasina ny Tompo tamin' ny taona 1838 hanorina tempoly tao (jereo F&F 115:7–8). Nisakana azy ireo tsy hanao izany ny fanenjanan' ny mpihetraketraka.



12. FONJAN' I LIBERTY Ny Mpaminany Joseph Smith, raha notanana am-ponja tsy ara-drarin' tao (1838–1839), dia nahazo ny fanambarana izay voarakitra ankehitriny ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121–123.



13. **MANSION HOUSE TAO NAUVOO** Fonenan' ny fianakavian' ny Mpaminany Joseph Smith nanomboka tamin' ny taona 1843. Foibe nisahana ny fiarahamonin' ny Olomasina izany tany am-piandohan' ny Fiangonana.



14. **NY TRANOMBAROTRA BIRIKY MENA AN' NY MPAMINANY JOSEPH SMITH** Natsangana tao amin' io trano io ny Fikambanana Ifanampiana ny 17 Martsa 1842.



15. **TEMPOLIN' I NAUVOO** Asehon' io sary dika mitovy io ny hatsaran' ilay tempoly voalohany talohan' ny nandoroana azy tamin' ny taona 1848.



16. **FONJAN' I CARTHAGE** Tao no namonoana maritiora ny Mpaminany Joseph Smith sy i Hyrum rahalahiny ny 27 Jona 1844 (jereo F&F 135).



17. FIFINDRA-MONINA HO ANY ANDREFANA Ny 4 Febroary 1846 dia niampita ny Renirano Mississippi ireo sarety voalohany ka nanomboka ny dia manan-tantara miankandrefana.



18. TEMPOLIN' I SALT LAKE Nandany 40 taona ny fananganana io mari-pamantarana ny Lohasahan' i Salt Lake io.

SARINTANY SY SARY
MIKASIKA NY BAIBOLY

Ireto sarin' ny toerana manan-danja ireto dia manome hevitra ny amin' ny toerana izay nolalovan' i Jesoa, niainan' ireo mpaminanin' ny Baiboly sy nampianarany, ary nisehoan' ireo zava-nitranga maro ao amin' ny Soratra Masina. Mba hanampiana anao hampiasa amin' ny fomba mahomby kokoa ireo sary amin' ny fandalinana ataonao, dia nampiarahana amin' ny filazalazana fohy ny sary tsirairay. Ny laharan' ny filazalazana sy ny lohateny dia mifanaraka amin' ny sary izay mitondra ny laharana sy lohateny mito-

vy aminy. Ny andalan-tsoratra voalohany manaraka ny lohatenin' ny filazalazana dia manazava ny mombamomba ilay sary, ka isan' izany ny zava-dehibe tokony hojerena, ary matetika koa ny fomba nakana ny sary. Tanisaina rehefa izany ireo zava-nitranga manan-danja ao amin' ny soratra masina niseho teo amin' io toerana io, miaraka amin' ny andinin-tsoratra masina milaza izany, mba hahafahanao mahafantatra ny toerana ahazoana mamaky misimisy kokoa momba izany zava-nitranga izany.

1. Renirano Nailly sy Egypta

Zavamaniry eo amoron' ny Renirano Nailly. Hita eo aoriana ny tany efitra izay mandrakotra ny ampahany lehibe amin' i Egypta.

Ny zava-dehibe nitranga: I Egypto no nahita io tany io (Abr. 1:23–25). Nankany Egypta i Abrahama (Gen. 12:10–20; Abr. 2:21–25). I Josefa dia namidy tany Egypta, tonga mpanapaka ary nanavotra ny fianakaviany tamin' ny mosary (Gen. 37; 39–46). Nonina tao Egypta ny taranak' i Jakoba (Gen. 47; Eks. 1; 12:40). Nahita an' i Mosesy zazakely teo amin' ny renirano ny zanakavavin' i Farao ary nitaiza azy (Eks. 2:1–10). Nitarika ny Isiraelita nivoaka an' i Egypta i Mosesy (Eks. 3–14). Nisy fotsana nankany Egypta i Maria, i Josefa, ary i Jesoa mba handsirana an' i Heroda (Mat. 2:13–15, 19–21). Amin' ny andro farany dia hahafantatra ny Tompo ny Egyptiana, ary hitahy an' i Egypta ny Tompo (Isa. 19:20–25). (Jereo Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Egypta.”)

2. Tendrombohitra Sinay (Horeba) sy ny Tany Foanan' i Sinay

Ireo tendrombohitra avo indrindra dia ireo tendron' i Jebela Miosà (Tendrombohitra' i Mosesy). Misy maromaro ireo toerana mety ho ny Tendrombohitra Sinay. Iray amin' ireo toerana ekena indrindra ny Jebela Miosà.

Ny zava-dehibe nitranga: Niseho tamin' i Mosesy Andriamanitra ary nanome azy ny Didy Folo (Eks. 19–20). Nahita sy niresaka tamin' Andriamanitra i Mosesy sy i Aharôna, ny roalahy amin' ny zanak' i Aharôna, ary ireo loholona fitopololahy (Eks. 24:9–12). Nomen' Andriamanitra toromarika i Mosesy amin' ny fananganana ny

tabernakely (Eks. 25–28; 30–31). Nivavaka tamin' ny ombilahikely volamena izay nampanaoviny an' i Aharôna ny Isiraelita (Eks. 32:1–8). Nandositra avy any amin' ny lohahanan' i Jezrela izay fonenan' ny mpanjakavavy Jezebela i Elia, ka nankao amin' ity tany ity (1 Mpan. 19:1–18). Tao koa no toerana niresahan' i Elia tamin' Andriamanitra (1 Mpan. 19:8–19).

3. Ny Tany Foanan' i Jodea sy ny Ranomasina Maty

Fahitana ny tany foanan' i Jodea mijery mianatsimo atsinanana. Tazana ery aoriana ny Ranomasina Maty.

Ny zava-dehibe nitranga: Fialokalofana manan-danja ny tany foanan' i Jodea tamin' ny fotoana maro tamin' ny tantara fahiny. Niafina an' i Saoly mpanjaka i Davida (1 Sam. 26:1–3). Nifady hanina 40 andro sy 40 alina i Jesoa (Mat. 4:1–11; Marka 1:12–13). Nampiasain' i Jesoa ny lalana avy any Jerosalema mankany Jerikao, mamakivaky ny tany foanan' i Jodea, ho toerana nitrangan' ny fanoharana ny amin' ilay Samaritana tsara fanahy, satria ny olona mandeha irery dia zary haza mora ao amin' izany faritra izany (Lio. 10:25–37). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Ranomasina Maty.”)

4. Kadesy-barnea

Fahitana avy eo avaratra atsinanana ny lohasaha efitra lehibe (antsoina koa hoe hoadiza) izay misy an' i Kadesy-barnea. Ny sake-li-drano izay mikoriana ao mandritra ny fotoanan' ny orana dia mahatonga azy ho toerana voatondraka tsara sady mahavokatra ao amin' ny tany foanan' i Zina.

Ny zava-dehibe nitranga: Azo inoana fa avy eo amin' io toerana io no nanirahan' i Mosesy lehilahy roa ambin' ny folo hitsikilo ny tany Kanana (Nom. 13:17–30). Nampiasaina ho foibe nitobian' ny Isiraelita izany nandritra ny 38 taona tao anatin' ny 40 taona nivezivezeny tany an-tany foana (Deot. 2:14). Tao no nahafatesan' i Miriama sy nandevenana azy (Nom. 20:1). Tao no nisehoan' ny fikomian' i Kora, ny fimonomononan' ny vahoaka, ary nitsimohan' ny tehin' i Aharôna (Nom. 16–17). Tsy lavitra teo no nikapoka ny vatolampy i Mosesy ka nampiboiboika ny rano avy ao (Nom. 20:7–11).

5. Fasan' ireo Patriarika

Iray amin' ireo fanorenana malaza indrindra eo amin' ny Tany Masina. Naorin' ny mpanjaka Heroda tao Hebrona izany, eo ambonin' ny toerana nisian' ny lava-baton' i Makpela araka ny lovantsofina, izay novidian' i Abrahama mba ho toerana handevenana ny fianakaviany (Gen. 23).

Ny zava-dehibe nitranga: Toerana ilevenan' i Sara (Gen. 23) sy i Abrahama (Gen. 25:9). Milevina ao koa i Isaka, i Rebeka, ary i Lea (Gen. 49:30–31). Nentina avy any Egipta nankany Kanana ny vatan' i Jakoba ary nalevina tao amin' io lava-bato io (Gen. 50).

6. Tany Havoanan' i Jodea

Ny tany havoanan' i Jodea dia mirefy saha-bo ho 56 kilaometatra ny lavany ary 27 kilaometatra ny sakany. Vatoana sady sarotra ambolena ny ankamaroan' ny tany. Vakivakin' ny lohasaha izay ahitana tany mahavokatra ihany ireo havoana. Nonina tao amin' ireo havoana ireo ny Isiraelita voalohany, ka nampiasa izany ho fiarovana manoloana ny mpanafika. Ao amin' io faritra io no misy an' i Jerosalema.

Ny zava-dehibe nitranga: Nampanantena io tany io an' i Abrahama sy ny taranany ny Tompo (Gen. 13:14–18; 17:8). Nalevina tao amin' ny lava-baton' i Makpela ao Hebrona i Sara sy i Abrahama (Gen. 23:19; 25:9). Babon' i Davida tamin' ny Jebosita i Jerosalema (2 Sam. 5:4–9). Mihoatra noho ny amin' ny faritra hafa rehetra ny hamaroan' ny zava-misy ao amin' ny Testamenta Taloha nitranga tao amin' ireo havoana ireo.

7. Betlehema

Asehon' ity sary ity ny havoana vatoana sy ny sahan' ny mpiandry ondry eo aloha, ary ny tanànan' i Betlehema ankehitriny ao aoriana.

Ny zava-dehibe nitranga: Nalevina tsy lavitra teo i Rahely (Gen. 35:16–20). Nonina tao i Rota sy i Boaza (Rota 1:19–2:4). Teraka sy nohosorana ho mpanjaka tao i Davida mpanjaka (1 Sam. 16:1–13). Teraka tao ny Mpamonjy, ary nitsaoka Azy ny mpiandry ondry sy ny olon-kendry (Mat. 2:1–11; Lio. 2:4–16). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Betlehema.”)

8. Jerosalema

Mijery mianavaratra. Eo afovoan' ny sary ny trano fivavahana Silamo rakofan' ny tafo boribory antsoina hoe tafo boriborin' ny vatobe. Taloha dia nivavaka tao amin' ireo tempoly izay niorina tao ny Jiosy. Nanodidina an' i Jerosalema fahizay ireo rindrina akaikin' ny tafo boribory. Eo ankavanan' ny rindrina ny lohasahan' i Kidrona. Erỳ ankavanana indrindra ny tendrombohitra Oliva. Mianavaratra, eo ambadiky ny tafo boriborin' ny vatobe no mety ho toerana nisy an' i Golgota na Kalvary.

Ny zava-dehibe nitranga: Nantsoina hoe Salema i Jerosalema fahizay (Sal. 76:2). Nandoa ny fahafolonkarena tamin' i Melkizedeka i Abrahama (Gen. 14:18–20). Avy hanao fanatitra an' i Isaka i Abrahama (Gen. 22:2–14). Nobaboin' i Davida tamin' ny Jebosita i Jerosalema (2 Sam. 5:4–9). Nanorina tempoly i Solomona mpanjaka (1 Mpan. 6–7). Nanainga ho any amin' ny tany nampanantenaina i Lehia (1 Ne. 1:4; 2). Nanompo, nanonitra ho an' ny otantsika, ary nitsangana tamin' ny maty ny Mpamonjy (Mat. 21–28). Araka ny efa naminanian' ny Mpamonjy, dia rava fotoana fohy taorian' ny nahafatesany i Jerosalema (JS—M 1:3–20). Hatao fahirano i Jerosalema amin' ny andro farany (Ezek. 38–39; Joela 2–3; Fan. 11; 16). Hiseho eto ny Mpamonjy mialoha kely ny Fiaviany fanindroany (Zak. 12–14; F&F 45:48–53). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Jerosalema,” “Salema.”)

9. Tempolin' i Heroda

Io sary io dia maneho sary dika mitovy amin' ny tempolin' i Heroda, araka izay niheverana izany tamin' ny 67 taorian' i J.K. Ny rindrina manodidina ny tempoly sy ireo zavatra miaraka aminy dia mamaritra ny toerana masina izay mirakitra ny fitoerana masina indrindra, ny fitoerana masina, ary ireo kianja lehibe telo.

Ny zava-dehibe nitranga: Nanolotra an' i Jesoa zaza tao amin' ny tempoly i Josefa sy i Maria (Lio. 2:22–38). Nampianatra tao amin' ny tempoly ny Mpamonjy fony Izy 12 taona (Lio. 2:41–46). Nandroaka ireo mpanakalo vola tao amin' ny tempoly ny Mpamonjy (Mat. 21:12–13) ary naminany ny handravana ny tempoly (Mat. 24:1–2). Hisy tempoly haorina ao Jerosalema (Ezek. 40–48; Zak. 8:7–9). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Tempoly, Tranon' ny Tompo.”)

10. Tohatra Mankao amin' ny Tempoly

Mizarazara ho kianja ny faritry ny tempoly, ka miorina eo amin' ny ambany indrindra ny kianja ivelany. Miditra amin' ny vavahady samy hafa ireo mpivavaka, ka isan' izany ireo vavahady izay mitondra miakatra avy amin' ireo tohatra ireo mankao amin' ny kianja ivelany ao aloha, ary rehefa izany vao ao amin' ny kianja anatiny. Olona an' arivo-ny no niakatra ireo tohatra ireo nandritra ny fotoana nifandimby, ka isan' izany ny zanak' Andriamanitra. Rehefa noravan' ny tafik' i Tito ny tempoly ny 70 taorian' i J.K. dia rakotra poti-javatra ireo tohatra. Navoaka indray ireo tohatra nandritra ny fihadiana ny ampahany amin' ny tanànan' i Jerosalema fahizay.

Ny zava-dehibe nitranga: Hitan' i Ezekiela tamin' ny fahitana ny refy sy ny endriky ny tempoly izay haorina (Ezek. 40). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Tempoly, Tranon' ny Tompo.”)

11. Tendrombohitra Oliva, Sahan' i Orson Hyde

Io sary io dia mitodika mianatsimo andrefana avy eo amin' ny Sahan' i Orson Hyde izay eo amin' ny Tendrombohitra Oliva, mitodika an' i Jerosalema. Eo amin' ny solampy andrefana amin' ny Tendrom-

bohitra Oliva no misy ny Saha Getsemane. Nianika ny Tendrombohitra Oliva ny Loholona Orson Hyde ny 24 Ôktôbra 1841, ary nanolotra vavaka fanokanana zary faminiana ho an' ny fiverenan' ny zanak' i Abrahamana sy ny fanorenana ny tempoly.

Ny zava-dehibe nitranga: Noravan' i Roma i Jerosalema ny 70 taorian' i J.K., araka izay efa nambaran' ny Mpamonjy mialoha (jereo JS—M 1:23). Mbola hitsangana eo amin' ny Tendrombohitra Oliva ny Mpamonjy mialohan' ny hisehoany amin' izao tontolo izao. (Jereo Zak. 14:3–5; F&F 45:48–53; 133:19–20; Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Oliva, Tendrombohitra.”)

12. Saha Getsemane

Io sarina hazo oliva antitra io dia nalaina teo amin' ny toerana izay misy ny Saha Getsemane araka ny lovantsofina. Nivavaka tsy lavitra teo ny Mpamonjy taorian' ny nandaozany ilay efi-trano ambony rihana ny alin' ny namadihana Azy.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao no nanomboka nijaly noho ny fahotan' izao tontolo izao i Jesoa Kristy (Mat. 26:36–44; Mar. 14:32–41; F&F 19:16–19). Taorian' ny vavaka nataony dia namadika Azy i Jodasy Iskariota, ary nandao Azy nandritra ny fotoana fohy ny mpianany taorian' ny fisamborana Azy tao amin' ny zaridaina (Mar. 14:50). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Getsemane.”)

13. Golgota

Miendrika karandoha io vato io ary hita eo ivelan' ny Vavahady Damaskosy ao Jerosalema. Io no toerana mety nanomboana an' i Jesoa Kristy.

Ny zava-dehibe nitranga: Rehefa avy nokapohina sy noharabiana i Jesoa, dia nentina tamin' ny toerana antsoina hoe Golgota, . . . tany atao hoe Ikarandoha, ka nohomboana tao (Mat. 27:26–35; Jaona 19:17–18). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Golgota.”)

14. Fasana an-Jaridaina

Io no toerana nandevenana ny Mpamonjy araka ny lovantsofina. Maro amin' ireo mpaminany ankehitriny no nahatsapa fa

napetraka tao amin' ity fasanan-jaridaina ity ny vatan' ny Mpamonjy.

Ny zava-dehibe nitranga: Taorian' ny nahafatesan' ny Mpamonjy teo amin' ny hazofijaliana dia napetraka tao amin' ny fasana vaovao nolavahana tao amin' ny vato ny vatany (Mat. 27:57–60). Ny andro fahatelo, nisy vehivavy maromaro nankao amin' ny fasana ary nahita fa tsy tao ny vatan' ny Mpamonjy (Mat. 28:1; Jao. 20:1–2). Nankao amin' ny fasana koa ny Apostoly Petera sy Jaona ary nahita fa tsy tao ny vatan' ny Mpamonjy (Jao. 20:2–9). Niseho tamin' i Maria Magdala ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty (Jao. 20:11–18).

15. Jeriko

Io sary io dia maneho ny zavamaniry ao Jeriko ankehitriny. Tanàna mimanda tao amin' ny lohasahan' ny Renirano Jordana, miorina 252 metatra ambanin' ny haavon' ny ranomasina izany fahiny. Toeram-pambolena manankarena izay anirian' ny hazo palma sy voasary koa izany. Hita erỳ aoriana ny Tendrombohitry ny Fakampanahy (Mat. 4:1–11).

Ny zava-dehibe nitranga: Teo akaikin' io toerana io i Josoa sy ny zanak' Isiraely no niam-pita voalohany ny Renirano Jordana, ka niditra ny tany nampantanentaina (Jos. 2:1–3; 3:14–16). Nataon' ny Tompo nianjera tamin' ny fomba mahagaga teo anoloan' ny miaramilan' ny Isiraely ny rindrina (Jos. 6; jereo koa Heb. 11:30). Nametraka ozona tamin' ilay tanàna i Josoa (Jos. 6:26), ary tanteraka izany (1 Mpan. 16:34). Nanasitrana ny ranon' i Jeriko i Elisa (2 Mpan. 2:18–22). Nandalo teo ny Mpamonjy raha namangy farany an' i Jerosalema, ka nanasitrana an' i Bartimeo jamba sy niara-nipetraka tamin' i Zakeo mpamory hetra (Mar. 10:46–52; Lio. 18:35–43; 19:1–10). Voaresaka ao amin' ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy ny lalana avy any Jerosalema mankao Jeriko (Lio. 10:30–37).

16. Silo

Eo amin' io fijery miankandrefana io, dia hita eo ankavia kely afovoan' ny sary ny sisa tsy rava amin' ilay tanàna fahiny. Miorina eo ambonin' ny havoana kely boribory iray

voahodidin' ny havoana avo kokoa hafa izany.

Ny zava-dehibe nitranga: Nivory ireo fokon' i Isiraely ary nandray ireo anjara taniny (Jos. 18–22). Napetraka tao ny tabernakely sy ny fiaran' ny fanekena ary nijanona tao nandritra ny taon-jato maro (Jos. 18:1). Tao no nivavaka i Hana ka nanokana an' i Samoela zananilahy ho an' ny fanompoana ny Tompo (1 Sam. 1). Naka ny fiaran' ny fanekena avy ao Silao ny Isiraelita ary resin' ny Filistina izay namabo ny fiaran' ny fanekena (1 Sam. 4:1–11).

17. Tendrombohitra Gerizima sy Tendrombohitra Ebala

Mijery miankandrefana. Eo ankavia ny Tendrombohitra Gerizima, ary eo ankavanana ny Tendrombohitra Ebala. Aseho antsary eto i Nablo ankehitriny. Ny tanànan' i Sekema dia niorina teo anelanelan' ireo tendrombohitra roa ireo, teo amin' ny lohahy eo ambany (eo an-kavanana amin' ny sary).

Ny zava-dehibe nitranga: Nanorin-day tao Sekema i Abrahama (Gen. 12:6–7). Nanorin-day tao i Jakoba ary nividy ampahan-tany (Gen. 33:18–20). Ny Tendrombohitra Gerizima dia tendrombohitry ny fitahiana, ny Tendrombohitra Ebala kosa tendrombohitry ny ozona (Deot. 27–28). Teo amin' ny Tendrombohitra Ebala no nanaovan' i Josoa tsangambato mitondra ny lalàn' i Mosesy ary namakiany ny lalàna tamin' ny Isiraelita rehefa izany (Jos. 8:30–35). Milevina ao Sekema ny taolambalon' i Josefa (Jos. 24:32).

18. Dotana ao Samaria

Io faritra ao amin' ny Tany Masina io dia misongadina amin' ny rirany sy ny lohahany. Toerana firaokam-bilona tsara izy. Nomena an' i Manase io faritra io rehefa niorim-ponenana tao amin' ny tany ny Isiraelita.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao amin' ny lohahany i Dotana no nivarotana an' i Josefa ho any Egypta (Gen. 37:12–28). Nanavotra mpaminany zato i Obadia tamin' ny fanafanana azy ireo tao andava-bato raha nitady hamono ny mpaminanin' i Isiraely i Jezebel (1 Mpan. 18:13). Nanodidina an' i

Elisa sy ny mpanompony ny tafika Syriana, nanomjy azy tamin' ny fomba mahagaga ny Tompo (2 Mpan. 6:13–23).

19. Kaisaria sy ny Lemak' i Sarona hatra-ny Karmela

Mijery mianavaratra miampita ny seranan' i Kaisaria fahiny. Tazana manaraka ny tendron' ny sary koa ny tangoron-tendrombohitra Karmela.

Ny zava-dehibe nitranga: Nifandahatra tamin' ireo mpaminany sandok' i Bala teo amin' ny Tendrombohitra Karmela i Elia (1 Mpan. 18). Hita ao atsinanan' i Kaisaria ny Via Maris (Lalan' ny Ranomasina), lalana nana-ny ny lanjany tamin' ny andro fahiny. I Petera, taorian' ny nahazoany fahitana mahagaga raha izy mbola tany Jopa, dia nanomboka ny fitoriany teo anivon' ny Jentilisa tamin' ny fampianarana kapiteny Romana nantsoina hoe Kornely tao Kaisaria (Asa 10). Nonina sy nitory tao i Filipo ary nanan-janaka vavy efatra izay naminany (Asa 8:40; 21:8–9). Mpifatotra tao amin' io tanàna io i Paoly nandritra ny roa taona (Asa 23–26). Nitory tamin' i Feliksa, i Festosy, ary i Heroda Agripa II, izay niteny hoe: “Ataonao fa mora toy izany ny hampakenenao ahy ho Kristiana” (Asa 26:28).

20. Jopa

Mijery mianavaratra andrefana ambonin' ny tanàna seranan' i Jopa.

Ny zava-dehibe nitranga: Nankao Jopa i Jona handray sambo ho any Tarsisy (Jona 1:1–3). I Jopa no seranana nampiasain' i Solomona, ary koa i Zerobabala taty aoriana, raha nitondra hazo avy amin' ny alan-tsederan' i Libanona hanorenany ny tempoliny izy ireo (2 Tan. 2:16; Ezra 3:7). Tao no nananganan' i Petera tamin' ny maty an' i Tabita, izay antsoina koa hoe Dorkasy (Asa 9:36–43). Azon' i Petera koa ny fahitana ny amin' ny biby madio sy ny biby tsy madio, izay nampahafantatra azy ny ilana ny hanombohana ny fitoriana eo anivon' ny Jentilisa (Asa 10). Tonga tao i Orson Hyde hanokana ny Tany Masina ny taona 1841.

21. Lohasaha Jezrela

Mijery miakandrefana avy eo amin' ny tendron' ny Tendrombohitra Tabara manka-

min' ny ampahany amin' ny Lohasahan' i Jezrela. Na dia heverina matetika ho lohasaha lehibe iray aza ny Lohasahan' i Jezrela, ny marina dia fitambarana lohasaha maro-maroko izay mampifandray ny Lemak' i Akao amin' ny Lohasaha Jordana sy ny faritry ny Ranomasin' i Galilea izy. Ny lohasahan' i Megido ohatra dia ao amin' ny ampahany andrefan' io lohasaha io. Ny Lohasahan' i Jezrela no lalam-be mamakivaky ny Tany Masina manelanelana ny Ranomasina Mediteranea ao andrefana, sy ny Lohasahan' i Jordana ao atsinanana.

Ny zava-dehibe nitranga: Mandalo amin' io lohasaha io ny lalambe fampiasa indrindra mampifandray an' i Egipta amin' i Mezopotamia, ary ady maro no niseho tao (Mpits. 1:22–27; 5:19; 2 Mpan. 23:29–30). Ny ady lehibe farany ao amin' io tany io dia hanomboka amin' ny adin' i Hara-magedona, izay hitranga fotoana fohy mialohan' ny Fahatongavan' ny Mpamonjy Fanindroany; izany anarana izany dia avy amin' ny hoe Hara Megidona na ny Tendrombohitry i Megido (Ezek. 38; Joela 3:9–14; Zak. 14:2–5; Fan. 16:14–16).

22. Tendrombohitra Tabara

Mijery mianavaratra andrefana. Ny tany iva manodidina ny tendrombohitra Tabara dia ny Lohasaha Jezrela, fantatra koa amin' ny anarana hoe ny Lemak' i Esdrelôna. Ao amin' ireo havoana ao ambadiaky ny Tendrombohitra Tabara no misy an' i Nazareta.

Ny zava-dehibe nitranga: Nanambatra ny tafiky ny Tompo hiady amin' i Jabina mpanjakan' i Hazora i Debora sy i Baraka (Mpits. 4:4–14). Ny Tendrombohitra Tabara dia iray amin' ny toerana heverina araka ny lovantsofina ho nisian' ny Fiovan-tarehin' ny Mpamonjy (Mat. 17:1–9); ny tendrombohitra Hermona ny iray hafa (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Fiovan-tarehy.”)

23. Ranomasin' i Galilea sy ny Tendrombohitry ny Fahasambarana

Mijery mianatsimo andrefana, amin' ny zorony avaratra andrefan' ny Ranomasin' i Galilea, misy farihin-dranomamy iray. I Tiberiasy dia erỳ amin' ny faran' ny moron-

tsiraka, eo amin' ny havia farany amin' ny sary. Ny havoana eo afovoan' ny tany eto aloha no toerana heverina araka ny lovantsofina ho ny Tendrombohitry ny Fahasambarana. Eo ankavia ivelan' ny sary i Kapernaomy.

Ny zava-dehibe nitranga: Tao amin' io faritra io no nandanian' ny Mpamonjy ny ankamaroan' ny andro nanompoany tetỳ an-tany. Tao Izy no niantso sy nanokana ny Apostoly Roa ambin' ny Folo (Mat. 4:18–22; 10:1–4; Mar. 1:16–20; 2:13–14; 3:7; 13–19; Lio. 5:1–11), nampianatra ny Toriteny teo an-Tendrombohitra (Mat. 5–7), ary nampianatra tamin' ny fanoharana (Mat. 13:1–52; Mar. 4:1–34). Isan' ny fahagagana nataony tao ireto manaraka ireto: nanasitrana boka (Mat. 8:1–4); nampitony ny tafiotra (Mat. 8:23–27); nandroaka avy ao amin' ny zazalahy iray ny devoly iray legionia izay niditra tao amin' ny kisoa ka namarina azy ireo tany an-drano-masina (Mar. 5:1–15); nanangana ny zanakavavin' i Jairo tamin' ny maty (Mat. 9:18–19, 23–26; Mar. 5:22–24, 35–43); namahana olona 5000 sy 4000 (Mat. 14:14–21; 15:32–38); nandidy ny mpianany handatsaka ny haratony ka nahazoan' izy ireo trondro betsaka (Lio. 5:1–6); nanasitrana olona maro (Mat. 15:29–31; Mar. 3:7–12); ary niseho taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty mba hampianatra ny mpianany (Mar. 14:27–28; 16:7; Jao. 21:1–23).

24. Kapernaomy

I Kapernaomy, izay hita eo amin' ny morontsiraka avaratry ny Ranomasin' i Galilea no ivon' ny fanompoan' i Jesoa tao Galilea (Mat. 9:1–2; Mar. 2:1–5). Toeram-panjonoana sy fivarotana nanana ny lanjany sady nahomby izany, ary nonenan' ny Jentilisa sy Jiosy. Azo inoana fa tsy nihoatra ny 1000 ny isan' ny mponina tao tamin' ny taonjato voalohany. Niorina teo amin' ny fihaonan' ireo lalam-barotra manan-danja izany, ary voahodidin' ny tany lonaka. Nanorina trano fandroana sy trano fitehirizana tao ny miamramila Romana, ka nandray anjara avy amin' izany tamin' ny fanorenana ny fiarahamonina voalamina tsara sy ireo trano tsara orina hita tao. Na dia teo aza ireo fahagagana maro notanterahina tao, dia mazana

nandà ny fanompoan' ny Mpamonjy ny mponina. Nanozona ny tanàna noho izany i Jesoa (Mat. 11:20, 23–24). Zary rava sy nijanona ho lao i Kapernaomy tatỳ aoriana.

Ny zava-dehibe nitranga: Fantatra ho ny “tanànan' ny Mpamonjy” i Kapernaomy (Mat. 9:1–2; Mar. 2:1–5). Nanao fahagagana maro tao amin' io toerana io Izy. Nanasitrana olona maro ohatra Izy (Mar. 1:32–34), ka isan' izany ny mpanompon' ilay kapiteny (Lio. 7:1–10), ny rafozambavin' i Petera (Mar. 1:21, 29–31), ilay lehilahy nalemy izay nampidinina avy eo amin' ny tafo ny fandriany (Mar. 2:1–12), ary ilay lehilahy maty tanana (Mat. 12:9–13). Nandroaka fanahy ratsy maro koa i Jesoa tao (Mar. 1:21–28, 32–34), nanangana ny zanakavavin' i Jairo tamin' ny maty (Mar. 5:22–24, 35–43), ary nanao ny toriteny momba ny mofon' aina tao amin' ny sinagogan' i Kapernaomy (Jao. 6:24–59). Nandidy an' i Petera ny Mpamonjy haka hazandrano tao amin' ny Ranomasin' i Galilea, hanokatra ny vavany, ary haka ny sekely handoavana ny hetra (Mat. 17:24–27).

25. Renirano Jordana

Manomboka ao avaratry ny ranomasin' i Galilea ny Renirano Jordana ka mivarina ao, ary dia manohy mianatsimo rehefa izany mankany amin' ny Ranomasina Maty.

Ny zava-dehibe nitranga: Nifidy ny lemak' i Jordana i Lota mba ho azy (Gen. 13:10–11). Nampisaraka ny rano i Josoa ka afaka nita ho ao amin' ny tany nampantanenaina ny Isiraelita (Jos. 3:13–17; 4:1–9, 20–24). Nampisaraka ny rano i Elia sy i Elisa (2 Mpan. 2:5–8, 12–14). Sitrana tamin' ny habokana i Namana (2 Mpan. 5:1–15). Nanao batisa olona maro i Jaona Mpanao Batisa, ka isan' izany ny Mpamonjy (Mat. 3:1–6, 13–16). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Renirano Jordana.”)

26. Kaisaria Filipo

Hita eo am-pototry ny Tendrombohitra Hermona io loharano io. Iray amin' ireo loharano mamatsy ny Renirano Jordana izy. I Heroda Filipo, izay nanapaka io faritra io, dia nanorina tanàna teo ho fanomezam-boninahitra an' i Kaisara (mpanjakany) sy

ny tenany; Paniasy no niantsoana ilay tanàna fahiny, Baniasy na Kaisaria Filipo no anarany ankehitriny.

Ny zava-dehibe nitranga: Nihaona tamin' ny mpianany tao Kaisaria Filipo ny Mpamonjy. Teo no nanambaràn' i Petera fa ny Mpamonjy no "Kristy, ilay Zanak' Ilay Andriamanitra velona." Nampanantena an' i Petera ny "fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra" ny Mpamonjy rehefa izany (Mat. 16:13–20).

27. Nazareta

Mijery mianatsimo ity sarin' ny tanànan' i Nazareta ankehitriny ity. Tanàna kely i Nazareta tamin' ny andron' ny baiboly.

Ny zava-dehibe nitranga: Nahita tamin' ny fahitana ny renin' i Mpamonjy tao Nazareta i Nefia (1 Ne. 11:13–22). Nilazan' ny Anjely Gabriela i Maria fa izy no hiteraka ny Mpamonjy (Lio. 1:26–35). Niteny an' i Josefa i Gabriela hampakatra an' i Maria ho vadiny sy hiantso ny zanany hoe Jesoa (Mat. 1:18–25). Nitombo tao Nazareta i Jesoa (Mat. 2:19–23; Lio. 2:4–40; 4:16). Notoriany sy nambarany tao amin' ny Sinagoga fa Izy no Mesia (Lio. 4:16–21), saingy nitsipaka Azy ny vahoakan' i Nazareta (Mat. 13:54–58; Lio. 4:22–30).

28. Dana

Lesema (Jos. 19:47) na Laisy (Mpits. 18:7, 14) no niantsoana io tanàna tranainy io talohan' ny nahazoan' ny Isiraelita ny tany. Ny loharano hita ao amin' io toerana io miaraka amin' ny loharano ao Kaisaria Filipo no tena mamatsy ny Renirano Jordana.

Ny zava-dehibe nitranga: Namonjy an' i Lota i Abrahama (Gen. 14:13–16). Nobaboin' ny fokon' i Dana ny tany ka nantsoiny hoe Dana (Jos. 19:47–48). Nanao ombikely volamena izay nahatonga ny fianjeran' ny foko folo avaratra i Jeroboama (1 Mpan. 12:26–33). I Dana no tanàna avaratra indrindra amin' ny Isiraely—koa ny soratra masina dia milaza ny tanin' i Isiraely ho "avy eo Beri-seba ka hatrany Dana" (2 Tan. 30:5; Beri-seba no tanàna atsimo indrindra). (Jereo Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina, "Dana.")

29. Atena

Io sary io dia mampiseho ny Partenona rava ao Atena. I Atena no renivohitra Grika taloha an' i Atika, ary tao amin' ny faritany Roman' i Akaia izy tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao. Nomena ho fanomezam-boninahitra ny andriamanitra sampy Grika Atena ny anarany. Efa very ny anka-beazan' ny lanja sy ny lazan' i Atena tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao, saingy mbola voarakitra ao kosa ny sarivongana sy ny tsangambato maro ho an' ireo andriamanitra isankarazany, ka isan' izany ilay "andriamanitra tsy fantatra" (Asa 17:23).

Ny zava-dehibe nitranga: Nitsidika ny tanàna ny Apostoly Paoly ary nitory teo amin' ny Havoanan' i Martsa, akaiky ny Partenona (Asa 17:15–34). Nirahina avy any Atena ireo misiônera ho any amin' ny faritra hafa ao Gresia (1 Tes. 3:1–2).

30. Korinto

Renivohi-paritry ny faritany Roman' i Akaia. Niorina teo amin' ny andilan-tany mampifandray ny Peloponesosa amin' ny tanin' i Gresia, manana seranana eo amin' ny ilany atsinanana sy andrefana. Tanàna fitodian-tsambo manankarena sy matanjaka izany.

Ny zava-dehibe nitranga: Nonina tao Korinto nandritra ny herintaona sy enim-bolana i Paoly ary nanorina ny Fiangonana tao (Asa 18:1–18). Nanoratra taratasy maro ho an' ny mpikamban' ny Fiangonana tao amin' ny faritr' i Korinto i Paoly, ka ao amin' ny Testamenta Vaovao ny roa amin' izany ankehitriny (Korintiana 1 sy 2).

31. Efeso

Ny sisa tsy rava tamin' ny sehatra Grika ao Efeso, izay nitorian' i Paoly teny. Nalaza teo amin' izao tontolo izao izay fantatra tamin' izany andro izany i Efeso nandritra ny fotoanan' ny Testamenta Vaovao, noho ny tempoliny nampitolagaga naorina ho fanomezam-boninahitra ny andriamanitra sampy Diana an' ny Romana. I Efeso, izay rava ankehitriny, dia renivohitry ny faritany Roman' i Azia sady foibem-barotra lehibe fahiny. Nampiroborobo varotra tamin' ny

fivarotana ny sarin’ i Diana ny mpanefy tao an-tanàna. <i>Ny zava-dehibe nitranga:</i> Nitsidika an’ i Efeso ny Apostoly Paoly tany amin’ ny faran’ ny dia faharoa fitoriana filazantsara nataony (Asa 18:18–19). Nijanona tao amin’ ny tanàna nandritra ny roa taona izy tamin’ ny diany fahatelo. Voatery nandao ny tanàna izy vokatry ny tabataba nataon’ ireo mpanefy izay very fidiram-bola noho i Paoly nitoriry teny nanohitra ny andriamanitra sando-ka Diana (Asa 19:1, 10, 23–41; 20:1). Ny sehatr’ i Efeso no sehatra lehibe indrindra naorin’ ny Grika sady toerana niatrehan’ ireo naman’ i Paoly ny mpihetraketraka (Asa 19:29–31). Nanoratra epistily tamin’ ny mpi-kamban’ ny Fiangonana tao Efeso i Paoly	nandritra ny nitazonana am-ponja azy tany Roma. Tao Efeso ny iray tamin’ ireo sampana fiton’ ny Fiangonana tao Asia izay iantefan’ ny bokin’ ny Fanambarana (Fan. 1:10–11; 2:1). 32. Nosy Patmo Nosy ao amin’ ny Ranomasina Aezea izay nanaovana sesin-tany an’ i Jaona (Fan. 1:9). Araka ny lovantsofina dia niasa tao tamin’ ny fihadiam-batovandana izy. <i>Ny zava-dehibe nitranga:</i> Nahita ny fahitana lehibe izay fantatra amin’ ny hoe ny Apokalipsy (bokin’ ny Fanambarana) i Jaona. Nandidy azy ny Tompo handefa izany amin’ ireo fiangonana fito tany Asia (Fan. 1:11).

Ireto sarintany manaraka ireto dia mety hanampy anao hahazo kokoa ny soratra masina. Amin' ny fahafantarana ny jeôgrafian' ireo

tany resahina ao amin' ny soratra masina, dia hahatakatra bebe kokoa ireo zava-nitranga ao amin' ny soratra masina ianao.

1. SARINTANIN' NY TANY MASINA
2. FIFINDRAN' NY ISIRAEI AVY TANY EGYPTA SY FIDIRANA TAO KANANA
3. NY FIZARAN' NY FOKO 12
4. NY FANJAKAN' I DAVIDA SY SOLOMONA
5. NY FANJAKANA ASYRIANA
6. NY FANJAKANA BABYLONA VAOVAO (Nebokadnezara) SY NY FANJAKAN' I EGYPTA
7. NY FANJAKANA PERSIANA
8. NY FANJAKANA ROMANA
9. NY TONTOLON' NY TESTAMENTA TALOHA
10. KANANA TAMIN' NY ANDRON' NY TESTAMENTA TALOHA
11. NY TANY MASINA TAMIN' NY ANDRON' NY TESTAMENTA VAOVAO
12. JEROSALEMA TAMIN' NY ANDRON' I JESOA
13. NY DIA FITORIANA NATAON' NY APOSTOLY PAOLY
14. HAAVON' IREO TOERANA AO AMIN' NY TANY MASINA TAMIN' NY ANDRON' NY BAIBOLY

Ny fanondroana araka ny abidia ny anaran-toerana dia hanampy anao hahita ny toerana manokana iray eo amin' ny sarintany. Ny lohateny tsirairay dia ahitana ny laharan' ny sarintany, arahin' ny fomba fandaharana izay mampifanaraka tarehi marika sy tarehintsoratra. Ohatra: ny toerana misy ny Raba (Amana) eo amin' ny sarintany voalohany dia nomena ny laharana 1:E5; izany hoe sarintany 1, efamira E5. Azonao atao ny mitady ny efamira eo amin' ny sarintany iray amin' ny alalan' ny fijerena ny tarehi marika sy ny tarehintsoratra izay eo ambony sy eo amin' ny sisin' ilay sarintany. Ny anarana hafa entin' ny toerana iray dia voasoratra ao anaty fononteny; ohatra: Raba (Amana). Ny baraingo manaraka ny anarana iray dia milaza fa ny toerany aseho eo amin' ny sarintany dia mety ho ny toerany marina saingy tsy tena azo antoka.

Izao manaraka izao no fanalahidy hahatakarana ireo tarehi marika sy tarehintsoratra izay ampiasaina eo amin' ny sarintany. Anampy izany, ny sarintany tsirairay dia mety hirakitra fanalahidy miaraka amin' ny fanazavana ireo fanampin-tarehi marika izay an' izany sarintany izany manokana.

● Ny teboka mena dia maneho tanàndehibe na tanàna. Mety hisy tsipika miala avy eo amin' ny teboka, ka manondro ny anaran' ilay tanàna na toerana.

▲ Ny telolafy kely mainty dia maneho tendrombohitra.

Lemak' i Moaba

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho famantarana ny toerana ara jeôgrafia toy ny ranomasimbe, ny ranomasina, ny farihy, ny renirano, ny tendrombohitra, ny tany foana, ny lohasaha, ny efitra, ary ny nosy.

Jerosalema

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an' ny tanàndehibe sy ny tanàna rehetra.

MOABA


Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an' ireo fizarana madinidinika arapôlitika, toy ireo faritra, mponina ary foko.

JODEA

Io tarehintsoratra io dia ampiasaina ho an' ireo fizarana lehibebe arapôlitika, toy ireo firenena sy ireo kaontinanta.

MODELIN-TSARINTANY

FANONDROANA SARINTANY




Abana, renirano, 1:E1 Abilena, faritr' i, 11:E1 Adria (Adriatika), Ranomasin' i, 8:B2 Aijalona, 1:B5, 10:B5, 11:B5 Akaba, Hoalan' i, 2:E4 Akada, faritr' i, 9:H2 Akaia, faritany Romana, 8:D2, 13:E2 Akao (Ptolemaisy), 1:B3, 3:A3, 4:D3, 10:B2, 11:B3 Aleksandria, 8:D3, 13:G4 Amaleka, faritr' i, 4:E6 Amana (Raba), 1:E5, 10:E5, 14:E2 Amona, faritr' i, 1:E5, 3:B5, 4:E4, 10:E6 Antiokia, ao Pisidia, 13:G2 Antiokia, ao Syria, 8:D3, 13:I2 Antonia, Manda, ao Jerosalema, 12:D3 Apiosa, Kianjan' i, 13:B1 Araba (Lembalemba Rift), 1:B8, 2:E2, 4:D7, 10:D8 Arabia, 5:D3, 8:E4 Arabiana, Efitra, 9:G3 Arabiana, Ranomasina, 6:E4 Arada, 2:E1, 3:A5, 4:D5 Arala, Ranomasina, 5:E1, 6:E1, 7:D2 Arama-Damasy, faritr' i, 4:E2 Ararata, Tendrombohitra, 9:G1 Argoba, faritra, 4:E3 Arnona, renirano, 1:D7, 2:D1, 3:B5, 4:E5, 10:D7, 11:D7 Asdoda (Azota), 1:A6, 3:A5, 4:D5, 10:A6 Asera, foko, 3:A3 Asia, faritany Romana, 8:D2, 13:G2 Askalona (Askelona), 11:A6 Askelona (Askelona), 1:A6, 3:A5, 4:D5, 10:A6, 11:A6 Asora, 5:C3, 9:G2 Asyria, 9:G2	Asyriana, Fanjakana, 5:D3 Atena, 6:A2, 7:A2, 8:D2, 13:E2 Ay, 2:E1, 10:B5 Azota, 11:A6 Babela (Sinara), 9:H3 Babylona, 5:D3, 6:D3, 7:B3, 9:G3 Babylonia, Fanjakana, Vaovao, 6:D3 Babylonia, faritra, 9:G3 Basana, faritra, 1:D3, 10:D2 Benjamina, foko, 3:A5 Berea, 13:E1 Beri-seba, 1:B7, 2:D1, 3:A5, 4:D6, 9:E4, 10:B7, 11:B8 Besora, renirano, 1:A7, 10:A7, 11:A8 Betabarà, 11:D6 Betania, 11:B6 Betania, Lalana mankany, 12:E5 Betela (Loza), 3:A5, 4:D5, 10:B5, 11:B6 Betesda, Dobon' i, ao Jerosalema, 12:D3 Betifage, 11:B6 Beti-sana, 3:B4, 4:D4, 10:C4 Betlehema, 1:B6, 3:A5, 4:D5, 10:B6, 11:B6 Betlehema, Lalana manka- ny, 12:A7 Betsaida, 11:C3 Bezeta, 12:B2 Bitinia, faritra, 13:G1 Bozra, 3:B6, 4:E6 Britania, faritra, 8:A1 Damaskosy, 1:E1, 3:B2, 4:E2, 9:E3, 10:E1, 11:E1, 13:I3 Dana, foko, 3:B3, 3:A5 Dana (Laisa), 1:D2, 3:B3, 4:E3, 10:D2 Dasia, faritra, 8:D2 Dekapoly, faritra, 11:D4 Derbe, 13:H2 Dibona, 2:E1 Dobon' ny Tilikambo, ao Jerosalema, 12:B5	Dopka, 2:D4 Dora, 3:A4, 4:D4 Dora, Lemak' i, 9:G2 Dotana, 10:B4 Ebalà, Tendrombohitra, 1:B4, 3:A4, 4:D4, 10:B4, 11:B5, 14:B6 Edoma, faritr' i, 1:D8, 2:E2, 3:B6, 4:E7, 10:D8 Edôma, faritra, 1:B7, 10:B7, 11:B7 Efeso, 8:D2, 13:F2 Efraïma, foko, 3:A4 Egypta, Fanjakana, 6:A3 Egypta, faritr' i, 2:A3, 5:B4, 7:A4, 8:D4, 9:D4, 13:G4 Egypta, Reniranon' i, 2:D2 Ekrona, 1:B6, 10:A6 Elaha, 1:A6, 10:B6, 11:B6 Elama, faritra, 5:D3, 6:D3, 7:D3, 9:I3 Elima, 2:D3 Emaosy, 11:B6 Emaosy, Lalana mankany, 12:A4 Endora, 10:D3 En-gedia, 4:E5, 10:D7 Enona, 11:D4 Eofrata, renirano, 5:B3, 6:D3, 8:E3, 9:F2 Esdrelôna, Lohasaha, 1:B3, 10:B3 Etama, Tany foanan' i, 2:B3 Eziona-gebera, 2:E3, 3:A8, 4:D8, 9:E4 Fair Havens, 13:F3 Farpara, renirano, 1:E1, 10:E1, 11:E2 Fasana an-Jaridaina, ao Jerosalema, 12:B3 Filadelfia, 11:E6 Filipo, 13:E1 Filistia, faritra, 4:D5 Filistia, Lemak' i, 1:A6, 10:A6 Filistina, vahoaka, 2:D2 Fish Gate, ao Jerosalema, 12:B3

Foinisia, faritra, 1:D1, 4:E2, 9:E3, 10:B1, 11:B2, 13:I3	Hazora, 3:B3, 4:E3, 10:D2	Jerosalema (Salema), 1:B6, 2:E1, 3:A5, 4:D5, 5:B3, 6:B3, 7:A3, 8:D3, 9:E3, 10:B6, 11:B6, 13:I3, 14:B2, 14:B6
Frygia, faritra, 13:G2	Hebrona, 1:B6, 2:E1, 3:A5, 4:D5, 10:B7, 11:B7	Jerosalema, Tanàna Avo, 12:B6
Gada, foko, 3:B4	Hebrona, Lalana mankany, 12:A7	Jerosalema, Tanàna Iva, 12:D6
Gadara, 11:D4	Heliopolisy (Ona), 2:A3	Jezrela, 4:E4, 10:B4
Galatia, faritra, 13:H1	Hermona, Tendrombohitra, 1:D1, 3:B2, 4:E2, 10:D1, 11:E1, 14:E5	Jezrela (Esdrelôna), Lohasahan' i, 1:B3, 10:B3
Galilea, Ambany, faritra, 1:D3	Heroda, Lapan' i, ao Jerosalema, 12:B5	Joda, faritra, 5:B3, 10:B7
Galilea Ambony, faritra, 1:D2	Hesbona, 4:E5	Joda, foko, 3:A5
Galilea, faritra, 11:D2	Hezekia, Zohindalan' i, ao Jerosalema, 12:D6	Jodea, faritra, 1:B6, 11:B7
Galilea, Ranomasin' i (Sinereta), 1:D3, 3:B3, 4:E3, 9:E3, 10:D3, 11:D3, 14:B7	Hinoma, Lohasaha, ao Jerosalema, 12:B7	Jodea, Tany foanan' i, 1:B7, 11:B7
Gaola, faritra, 8:A1	Hispania, faritra, 8:A2	Jodea, Tany havoanan' i, 14:B2
Gata, 3:A5, 4:D5, 10:A6	Hitita, vahoaka, 9:E2	Jopa, 1:A5, 3:A4, 4:D4, 10:A5, 11:A5, 13:I3
Gata-hepera, 10:B3	Hivita, vahoaka, 3:B2	Jopa, Lalana mankany, 12:A4
Gaza, 1:A6, 2:D1, 3:A5, 4:D5, 10:A7, 11:A7, 13:I4	Holeha, Lohasaha, 1:D2, 11:D2	Jordana, Ampitan' i, Tampon-ketsa atsinanan' i, 14:E2
Gerara, 10:A7	Holeha (Ranon' i Meroma), Farihy, 10:D2, 14:D6	Jordana, Renirano, 1:D5, 2:E1, 3:B4, 4:E4, 10:D5, 11:D5
Gerara, renirano, 1:A7, 10:A7, 11:A7	Hora, Tendrombohitra, 2:E2	Kadesy-barnea, 2:D2, 3:A6, 4:D6
Gerizima, Tendrombohitra, 1:B5, 3:A4, 4:D4, 10:B5, 11:B5, 14:B6	Horeba (Tendrombohitra Sinay), 2:D4, 9:E4	Kaftora (Kreta), nosy, 9:A3
Gesora, faritra, 4:E3	Horita, vahoaka, 9:F2	Kaiafa, Tranon' i, ao Jerosalema, 12:B6
Getsemane, Saha, ao Jerosalema, 12:E4	Horma, 2:E1, 4:D6	Kaisaria, 11:B4, 13:I3
Gezera, 4:D5	Iarimoka, renirano, 1:D3, 10:D3, 11:D3	Kaisaria Filipino, 11:D2
Gibea, 4:D5	Ikonioma, 13:H2	Kana, 11:D3
Gibeona, 10:B5	Indosy, Renirano, 7:E4	Kanana, faritra, 2:D1, 9:E3
Gilboa, Tendrombohitra, 1:D4, 3:B4, 10:D4, 11:D4, 14:D6	Isakara, foko, 3:B4	Kaokazy, tendrombohitra, 5:D1, 8:E2, 9:G1
Gileada, faritra, 1:D4, 10:D4	Isiraely, Dobon' i, ao Jerosalema, 12:D4	Kapadosia, faritra, 13:I2
Gilgala, 1:D5, 2:E1, 4:E5	Isiraely, faritra, 4:D4	Kapernaomy, 11:D3
Golgota, ao Jerosalema, 12:B3	Italia, faritany Romana, 8:B2, 13:A1	Karmela, Tendrombohitra, 1:B3, 3:A3, 4:D3, 10:B3, 11:B3
Gomora, faritr' i Sodoma sy, 10:D8	Jabesa-gileada, 3:B4	Karsemisy, 5:B2, 6:B2, 9:E2
Gosena, faritr' i, 2:A2, 9:D4	Jaboka, renirano, 1:D5, 3:B4, 4:E4, 10:D5, 11:D5	Kartazy, 8:B3
Gresy, 7:A2	Jeriko, 1:D5, 2:E1, 3:B5, 4:E5, 10:D5, 11:D6, 14:A7, 14:D3	Kaspiana, Ranomasina, 5:D1, 6:D1, 7:B2, 8:E2, 9:H1
Harana (Padan-arama), 9:F2	Jeriko, Lalana mankany, 12:E5	
Harimatia, 11:B5	Jermania, faritra, 8:B1	
Hatreny Antranotelombahiny, 13:B1		

Kidrona, Lohasaha, ao Jerosalema, 12:E6 Kinido, 13:F2 Kio, nosy, 13:F2 Kiprosy (Kitimy), nosy, 8:D3, 9:D3, 13:H3 Kir-hareseta, 10:D7 Kisona, renirano, 1:B3, 10:B3, 11:B3 Kitimy (Kirosy), nosy, 9:D3 Korazina, 11:D3 Korinto, 13:E2 Kreta (Kaftora), nosy, 8:D3, 9:A3, 13:E3 Laisa (Dana), 10:D2 Lakisy, 1:A6, 3:A5, 4:D5, 10:A6 Laodikia, 13:G2 Lapa Hasmoneana, ao Jerosalema, 12:D5 Lebanona, Harambato, 1:D1, 10:D1, 11:D1 Libya, 8:B3, 13:D4 Libyana, Efitra, 9:B4 Lidia, faritra, 13:F2 Lisia, faritra, 13:G2 Listra, 13:H2 Litania, renirano, 1:D1, 10:D1, 11:D2 Loharano En-rogela, 12:D7 Loharano Gihona, ao Jerosalema, 12:E6 Loza (Betela), 10:B5 Magadana, 11:D3 Mahanaïma, 10:D4 Makero, 11:D7 Malta, nosy, 13:B3 Manase, foko, 3:A4, 3:B3 Mara, 2:B3 Mare Internum (Ranomasina Mediterranea Lehibe Ambony), 8:B3 Masedonia, faritra, 7:A2, 8:D2, 13:E1 Medeba, 4:E5 Mediana, Fanjakana, 6:E3	Mediterranea, Ranomasina, (Lehibe Ambony), 1:A4, 2:B1, 3:A4, 4:D4, 5:A3, 6:A3, 7:A3, 8:B3, 9:B3, 10:A5, 11:A6, 13:E3, 14:A2, 14:A6 Megido, 1:B3, 3:A4, 4:D4, 6:B3, 9:E3, 10:B3 Melita (Malta), nosy, 13:B3 Memfisa (Nofa), 2:A3, 5:B3, 6:B3, 7:A3, 8:D3 Mesopotamia, 8:E3, 9:F2 Midiana, faritra, 2:E4, 9:E4 Mileto, 13:F2 Mira, 13:G2 Misene, 5:A2 Moaba, faritra, 1:D7, 2:E1, 3:B6, 4:E6, 10:D7 Moaba, Lemak' i, 1:D6, 11:D6 More, Havoanan' i, 1:D3, 10:B3 Moria, Tendrombohitra, 14:B6 Mysia, faritra, 13:F2 Nabatea, faritra, 11:D8 Naftalia, foko, 3:B3 Naily, renirano, 2:A3, 5:B4, 6:B4, 7:A4, 8:D4, 9:D4 Naily, Vinanin' i, 2:A2, 9:D4 Naina, 11:D4 Nazareta, 1:B3, 11:B3 Nebo, Tendrombohitra, 1:D6, 2:E1, 3:B5, 4:E5, 10:D6, 11:D6 Negeva, faritra, 1:A8, 10:A8 Ninive, 5:D2, 9:G2 Nofa (Memfisa), 2:A3 Oliva, Tendrombohitra, 1:B6, 10:B6, 11:B6, 12:E4, 14:B6 Ona (Heliopolisy), 2:A3, 9:D4 Ora, 5:D3, 9:F2, 9:H3 Orarito, faritra, 9:F1 Padan-arama (Harana), 9:F2 Pafo, 13:H3 Pamfilia, faritra, 13:G2	Parana, Tany foanan' i, 2:D3 Partiana, Fanjakana, 8:E3 Patmo, nosy, 13:F2 Penoela, 10:D4 Pera, 11:D5 Perga, 13:G2 Pergamomy, 13:F2 Persia, 5:E4, 6:E4 Persia, Hoalan' i (Ranomasina Ambany), 9:I3 Pi-hahirota, 2:B3 Pidisia, faritra, 13:G2 Pitoma, 2:B2 Ponto, faritra, 13:H1 Potioly, 13:B1 Ptolemais (Akao), 1:B3, 11:B3, 13:I3 Raba (Amana), 1:E5, 3:B5, 10:E5, 14:E2 Ramesa (Tanisy), 2:B2 Ramota-gileada, 3:B4, 4:E4 Ranomasina Ambany, (Ranomasina Atsinanana, Hoalan' i Persia), 5:D4, 6:D4, 7:B4, 8:E3, 9:I3 Ranomasina Ambony (Mediterranea Lehibe), 7:A3, 9:B3 Ranomasina Atsinanana, (Ambany), 5:D4, 6:D4 Ranomasina Lehibe, (Mediterranea, Ambony), 1:A4, 2:B1, 3:A4, 4:D4, 5:A3, 6:A3, 7:A3, 9:B3, 10:A5, 11:A6, 13:E3, 14:A2, 14:A6 Ranomasina Mainty, 5:B1, 6:B1, 7:A2, 8:D2, 9:B1, 13:G1 Ranomasina Maty, fanam- banin' ny, 14:D3 Ranomasina Maty, haavon' ny, 14:A7, 14:D3 Ranomasina Maty, Lalana mankany, 12:D8

Ranomasina Maty, (Ranomasina Sira), 1:D6, 2:E1, 3:B5, 4:E5, 9:E4, 10:D6, 11:D7, 14:A7, 14:D3 Ranomasina Mediteranea, haavon' ny, 14:A2, 14:A6 Ranomasina Mena, 2:E4, 5:B4, 6:B4, 7:B4, 8:D4, 9:E4 Ranon' i Meroma (Farihy Holeha), 10:D2 Refidima, 2:D4 Rezioma, 13:B2 Rihana Ambony, ao Jerosalema, 12:B6 Robena, foko, 3:B5 Rodo, nosy, 9:B3, 13:F3 Roma, 8:B2, 13:A1 Salamina, 13:H3 Salema (Jerosalema), 9:E3 Salima, 11:D4 Samaria, 1:B4, 5:B3, 10:B4, 11:B5, 13:I3 Samaria, faritra, 1:B4, 10:B4, 11:B4 Samaria, Lalana mankany, 12:B1 Samotrasy, nosy, 13:F1 Sarefata, 11:B1 Sarmatia, faritra, 8:D1 Sarona, Lemak' i, 1:B4, 10:B4, 11:B5 Sefela, 1:B6, 10:B6, 14:B2 Sekema, 3:A4, 4:D4, 10:B4 Serpent's pool, ao Jerosalema, 12:A6 Sidona, 1:D1, 3:A2, 4:E2, 9:E3, 10:D1, 11:D1, 13:I3 Sikara, 11:B5 Silisia, faritra, 13:H2	Silo, 3:A4, 4:E4, 10:B5 Siloama, Dobon' i, ao Jerosalema, 12:D7 Simeona, foko, 3:A6 Sinara (Babela), 9:H3 Sinay, Tany Foanan' i, 2:D4 Sinay, Saikinosy, 2:D3 Sinay, Tendrombohitra (Horeba), 2:D4, 9:E4 Sinereta, Ranomasin' i, 1:D3, 3:B3, 4:E3, 9:E3, 10:D3, 11:D3 Sirakoza, 13:B2 Sira, Ranomasina (Ranomasina Maty), 1:D6, 2:E1, 3:B5, 4:E5, 9:E4 Sirenea, 13:E3 Smirna, 13:F2 Sodoma sy Gomora, faritr' i, 10:D8 Soeza, Hoalan' i, 2:B3 Sokota, ao Egypta, 2:B2 Sokota, ao Isiraely, 3:B4, 4:E4 Solomona, Vavahadin' i, ao Jerosalema, 12:E4 Sora, Tany foanan' i, 2:B2 Soreka, renirano, 1:B6, 10:B6, 11:B6 Sosana (Sosa), 6:D3, 7:B3, 9:H3 Sosa (Sosana), 6:D3, 7:B3, 9:H3 Sosa, Vavahady, ao Jerosalema, 12:E4 Sparta, 6:A2, 7:A2 Syria, faritra, 6:B3, 8:D3, 9:E3, 11:D2, 13:I3 Tabara, Tendrombohitra, 1:D3, 3:B4, 4:E4, 10:D3, 11:D3, 14:D6	Tanisy (Ramesa), 2:B2 Tany foana Atsinanana, 2:E3 Tany foanan' i Sinay, 2:D4 Tarsa, 13:H2 Teba, 5:B4, 6:B4, 7:A4, 8:D4 Tekoa, 10:B6 Tempoly, ao Jerosalema, 12:D4 Tempoly, Tendron' ny, ao Jerosalema, 12:E5 Tempoly, Tohatra mankao, ao Jerosalema, 12:E5 Tesalonika, 8:D2, 13:E1 Tiberiada, 11:D3 Tigry, renirano, 5:D2, 6:D2, 8:E3, 9:H3 Tiro, 1:B2, 3:A3, 4:D3, 9:E3, 10:B1, 11:B2, 13:I3 Toby tany an-Tany foana, 2:D3 Troasy, 6:A2, 7:A2, 13:F2 Troy, 9:B2 Vavahadin' Andriana, ao Jerosalema, 12:D5 Vavahadin-drano, ao Jerosalema, 12:D7 Vavahadin' Ondry, ao Jerosalema, 12:D4 Vavahady Itsaraendrika, 12:D4 Zebolona, foko, 3:A3 Zereda, renirano, 1:D8, 2:E2, 3:B6, 4:E6, 10:D8, 11:D8 Ziklaga, 4:D5 Zina, Tany Foanan' i, 2:D2 Ziona, Tendrombohitra, 14:B6



SARINTANY MISY AO AMIN' NY BAIBOLY


Ireto sarintany manaraka ireto dia omena lmba hanampy amin' ny fianarana ny soratra masina ary natao hanatsarana ny fampianarana omena ao amin' ny Fiangonana.

Ny soritsoritra eo amin' ny sarintany eo ambony dia manondro ny toerana misy ny tsirairay amin' ireo sarintany mitondra laharana izay omena manaraka izao. Ireto sarintany ireto dia ahitana faritra midadasi-ka, ary koa faritra mitangorongorona ara-jeografia.


- SARINTANY 1 SARINTANIN' NY TANY MASINA
- SARINTANY 2 FIFINDRAN' NY ISIRAELY AVY TANY EGYPTA SY FIDIRANA TAO KANANA
- SARINTANY 3 NY FIZARAN' NY FOKO 12
- SARINTANY 4 NY FANJAKAN' I DAVIDA SY SOLOMONA


- SARINTANY 5 NY FANJAKANA ASYRIANA
- SARINTANY 6 NY FANJAKANA BABYLONA VAOVAO (Nebokadnezzara) SY NY FANJAKAN' I EGYPTA
- SARINTANY 7 NY FANJAKANA PERSIANA
- SARINTANY 8 NY FANJAKANA ROMANA
- SARINTANY 9 NY TONTOLON' NY TESTAMENTA TALOHA
- SARINTANY 10 KANANA TAMIN' NY ANDRON' NY TESTAMENTA TALOHA
- SARINTANY 11 NY TANY MASINA TAMIN' NY ANDRON' NY TESTAMENTA VAOVAO
- SARINTANY 12 JEROSALEMA TAMIN' NY ANDRON' I JESOA
- SARINTANY 13 NY DIA FITORIANA NATAON' NY APOSTOLY PAOLY
- SARINTANY 14 HAAVON' IREO TOERANA AO AMIN' NY TANY MASI-NA TAMIN' NY ANDRON' NY BAIBOLY






- Ramesa** Noroahina avy tao Egypta ny Isiraely (Eks. 12; Nom. 33:5).
- Sokota** Taorian' ny nandaozan' ny Hebreo io toeram-pilasiana voalohany io dia niaraka tamin' izy ireo tao amin' ny rahona ny Tompo, ny andro ary tao amin' ny andry afo ny alina (Eks. 13:20-22).
- Pi-hahirota** Namakivaky ny Ranomasina Mena ny Isiraely (Eks. 14; Nom. 33:8).
- Mara** Nanasitrana ny ranon' i Mara ny Tompo (Eks. 15:23-26).
- Elima** Nilasy teo akaikin' ny loharano 12 ny Isiraely (Eks. 15:27).
- Tany foanan' i Sina** Nandefa mana sy papelika ny Tompo mba hamahanana ny Isiraely (Eks. 16).
- Refidima** Niady tamin' ny Amaleka i Isiraely (Eks. 17:8-16).
- Tendrombohitra Sinay (Tendrombohitra Horeba na Jebela Miosà)** Nanambara ny Didy Folo ny Tompo (Eks. 19-20).
- Tany foanan' i Sinay** Nanamboatra ny tabernakely ny Isiraely (Eks. 25-30).
- Toby tany an-tany foana** Nantsoina ny loholona fitopololahy hanampy an' i Mosesy hitondra ny vahoaka (Nom. 11:16-17).
- Eziona-gebera** Namakivaky ny tanin' i Esao sy Amona tsy nisy ady ny Isiraely (Deot. 2).
- Kadesy-barnea** Nandefa mpitsikilo ho any amin' ny tany nampantanenaina i Mosesy; nikomy ny Isiraely ka tsy afa-niditra ny tany; nampiasaina ho foibe nitobian' ny Isiraely i Kadesy nandritra ny taona maro (Nom. 13:1-3, 17-33; 14; 32:8; Deot. 2:14).
- Tany foana Atsinanana** Nisoroka fifandirana tamin' i Edoma sy i Moaba ny Isiraely (Nom. 20:14-21; 22-24).
- Renirano Arnona** Noravan' ny Isiraely ny Amorita izay niady taminy (Deot. 2:24-37).
- Tendrombohitra Nebo** Nahita ny tany nampantanenaina i Mosesy (Deot. 34:1-4). Nanao ny toriteniny telo farany i Mosesy (Deot. 1-32).
- Lemak' i Moaba** Niteny ny Isiraely ny Tompo hizara ny tany sy hanaisotra ny mponina tao (Nom. 33:50-56).
- Renirano Jordana** Nita ny Renirano Jordana tamin' ny tany maina ny Isiraely. Natsangana tsy lavitra an' i Gilgala ny vato avy tamin' ny fanambanin' ny Renirano Jordana ho tsangambaton' ny nisarahan' ny Renirano Jordana (Jos. 3-5:1).
- Jeriko** Namabo sy nandrava io tanàna io ny zanak' i Isiraely (Jos. 6).






NY FANJAKANA BABYLONA VAOVAO (Nebokadneza) SY
NY FANJAKAN' I EGYPTA



NY FANJAKANA PERSIANA


SARINTANY 7



NY FANJAKANA ROMANA

SARINTANY 8





1. Tendrombohitra Ararata Ny toerana nitobian' ny sambolohan' i Noa araka ny lovantsofina (Gen. 8:4). Tsy fantatra mazava ny tena misy ilay toerana. 2. Ora Voaloham-ponenan' i Abraham, izay saika nanaovana azy ho sorona fanatitra, nahitany ny anje-lin' i Jehovah, ary nandraisany ny Orima sy Tomina (Gen. 11:28-12:1; Abr. 1:3-1). (Marilho koa ny mety ho toerana isfidianana nisian' i Ora ao Mesopotamia avatrata). 3. Babylona, Babela (Sinara) Naozin' i Kosy zanakalahin' i Hama, sy i Nimroda tamin' ny voalohany. Toerana niavian' ny larebita tamin' ny andron' ny tili-kambon' i Babela ao amin' ny lemak' i Sinara. Taty aoriana dia lasa renivohi-paritr' i Babylonia sy fone-nan' ireo mpanjakan' ny Babylonia izy, ka isan' izany i Nebokadnezara izay nitondra jiosy babo maro ho ao amin' ity tanàna ity taorian' ny faharavan' i Jerosalema (587 talohan' i.j.k.). Nijanona ho babo tany Babylona nandritra ny 70 taona ny Jiosy, mandrapahatongan' ny andron' i Siro Mpanjaka izay namela ny Jiosy hiverrina any Jerosalema hanorina indray ny tempoly. Nonina tao koa i Daniela mpaminany teo ambany fanjakan' i Nebokadnezara, i Belsazar, ary i Dariosa I (Gen. 10:10; 11:1-9; 2 Mpan. 24-25; Jer. 27:1-29:10; Ezek. 1:1; Dan. 1-12; Ömn. 1:22; Etera 1:33-43). 4. Sosana (Sosa) Renivohitry ny Fanjakana Persiana teo ambany fanapahan' i Dariosa I (Dariosa Lehibe), i Kserksesey (Ahaeoerosy), ary i Artakserksa. Fonenan' ny mpanjakavavy Etera, izay nanavotra ny Jiosy ny herin-po sy ny finoany. Nanompo tao i Daniela, ary koa i Nehemia taty aoriana (Neh. 1:1; 2:1; Etera 1:1; Dan. 8:2). 5. Lemak' i Dora Natsipy tamin' ny lafaoro mirehitra afo i Sadraka sy i Mesaka ary i Abed-nego raha nandà ny hitsaoka ny sary volamena namboarin' i Nebokadnezara. Narovan' ny Zanak' Andriamanitra	izy ireo ary nivoaka tao amin' ny lafaoro tsy nisy nanombinana (Dan. 3). 6. Asyria Asora no renivohitr' i Asyria voalohany, narahin' i Ninive. Ireo mpanjaka Asyriana Salmanesera V sy i Sargona II dia nandresy ny Fanjakan' i Isiraely Avatrata ka nitondra ho babo ny foko 10 tamin' ny 721 talohan' i.j.k. (2 Mpan. 14-15, 17-19). Loza nitatao toe amin' i Joda i Asyria hatramin' ny 612 talohan' i.j.k., fotoana izay nanjanahan' i Babylona an' i Asyria. 7. Ninive Renivohitr' i Asyria. Nanafika ny tanin' i Joda i Asyria nandritra ny nanjakan' i Hezekia sy ny nanompoan' ny mpaminany Isaia. I Jerosalema, renivohitr' i Joda, dia avotra tamin' ny fomba mahagaga raha nisy anjely namely ny miaramila Asyriana 185.000 (2 Mpan. 19:32-37). Nilaza tamin' i Jona mpaminany ny Tompo hiantso ity tanàna ity hibe-baka (Jona 1:2; 3:1-4). 8. Harana Nisy fotoana nipetraka tao i Abraham talohan' ny nandehanany ho any Kanana. Nijanona tao ny ray sy ny rahalahiny i Abraham. Avy ao amin' io toerana io no fiavian' i Rebeka (vadin' i Isaka), i Rahely, i Lea, i Bila, ary i Zilpa (vadin' i Jakoba) (Gen. 11:31-32; 24:10; 29:4-6; Abr. 2:4-5). 9. Karkemis Tao no nandresen' i Nebokadnezara an' i Farao Neko, ka namarana ny fanjakan' ny Egyptiana tao Kanana (2 Tan. 35:20-36:6). 10. Sidona Naozin' i Sidona, zafikelin' i Hama, io tanàna ary avatrata indrindra amin' ny tanàna Kananeana (Gen. 10:15-20). Tao no nonina i Jezebela izy, nampiditra ny fanompoana an' i Bala teo amin' ny Isiraely (1 Mpan. 16:30-33). 11. Tiro Tanàna fifanakalozam-barotra sy fitodinan-tsambo nanan-danja tao Syria izany. I Hirama avy ao Tiro dia nandefa sedera sy volamena ary mpiasa hanampy an' i Solomona amin' ny fanorenana ny tempoliny (1 Mpan. 5:1-10, 18; 9:11).	12. Damaskosy Tsy lavitra teo no namonjen' i Abraham an' i Lota. Lohany amin' ny tanànan' i Syria izany. Namabo ny tanàna ny Isiraelita nandritra ny fanapahan' i Davida mpanjaka. Nanosotra an' i Hazaela ho mpanjakan' i Damaskosy i Elia (Gen. 14:14-15; 2 Sam. 8:5-6; 1 Mpan. 19:15). 13. Kanana Nomena io tany io i Abraham sy ny taranany mba ho fananany mandrakizay (Gen. 17:8). 14. Tendrombohitra Sinay (Horeba) Niteny tamin' i Mosesy tao amin' ny roimery mirehitra afo ny Tompo (Eks. 3:1-2). Nomena an' i Mosesy ny lalàna sy ny Didy Foto (Eks. 19-20). Niteny tamin' i Elia tamin' ny feo tony sy malemy ny Tompo (1 Mpan. 19:8-12). 15. Ezion-gebera Nanao "sambo" tao Ezion-gebera ny mpanjaka Solomona (1 Mpan. 9:26). Ao inoana fa tao amin' io seranana io no nitodiana ny mpanjakavavin' i Seba raha izy namangy an' i Solomona rehefa nandre ny lazany (1 Mpan. 10:1-13). 16. Egypta Nifindra nankao i Abraham noho ny mosary lehibe tao Ora (Abr. 2:1, 21). Notenenin' ny Tompo i Abraham hampianatra ny Egyptiana ny zavatra izay nambarany tamin' (Abr. 3:15). Nivavotra an' i Josefa ho amin' ny fanandovozana ireo rahalahiny (Gen. 37:28). Tonga mpanapaka ny tanon' i Potifara i Josefa tao. Naiditra am-ponja izy. Nanome ny hevitr' ny nofin' i Farao izy ary nomena toeram-panapahana tao Egypta. Tafahaona i Josefa sy ny rahalahiny. Nifindra nankao i Jakoba sy ny fianakavany (Gen. 39-46). Nonina tao Gosen' ny zanak' i Isiraely nandritra ny nipetrany tao Egypta (Gen. 47:6). Nitombo isa sy "nitombo hery fatratra" ny Isiraelita; nandevozin' ny Egyptiana izy ireo rehefa izany (Eks. 1:7-14). Taorian' ny loza maro, dia navelan' i Farao handao tan' i Egypta ny Isiraely (Eks. 12:31-41). Nentina tany Egypta i Jeremia (Jer. 43:4-7). 17. Kaftora (Kreta) Tanànan' ny Minoana fahiny.


1. **Dana (Laisa)** Nanao ombikely volamena i Jeroboama hotompoin' ny Fanjakana Avaratra (1 Mpan. 12:26–33). I Dana no farany avaratra indrindra amin' ny Israely fahizay.
2. **Tendrombohitra Karmela** Nifanamby tamin' ireo mpisoron' i Bala i Elia ary nanokatra ny lanitra hisian' ny orana (1 Mpan. 18:17–46).
3. **Megido** Toeran' ny ady maro (Mpits. 4:13–16; 5:19; 2 Mpan. 23:29; 2 Tan. 35:20–23). Nampanao fanompoana i Solomona hanorenana an' i Megido (1 Mpan. 9:15). Maty noho ny ratrany i Josia mpanjakan' i Joda tamin' ny ady nifanaovana tamin' i Farao Nekao tao Egipta (2 Mpan. 23:29–30). Amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany, ny ady lehibe farany dia hitranga ao amin' ny Lohasaha Jezrela, ho isan' ny adin' i Hara-magedona (Joela 3:14; Fan. 16:16; 19:11–21). Ny anarana *Hara-magedôna* dia fandikana malalaka amin' ny teny Grika ny teny Hebreo Hara Megidôna na Tendrombohitr' i Megido.
4. **Jezrela** Anaran' ny tanàna ao amin' ny lohasaha lehibe sady lonaka indrindra ao Israely, izay mitondra io anarana io koa. Nanorina lapa tao ireo mpanjakan' ny Fanjakana Avaratra (2 Sam. 2:8–9; 1 Mpan. 21:1–2). Nonina sy maty tao i Jezebel mpanjakavavy ratsy fanahy (1 Mpan. 21; 2 Mpan. 9:30).
5. **Beti-sana** Nifanatrika tamin' ny Kananita tao ny Israely (Jos. 17:12–16). Nohomboana teo amin' ny rindrin' io manda io ny fatin' i Saoly (1 Sam. 31:10–13).
6. **Dotana** Namidin' ireo rahalahiny ho andevo i Josefa (Gen. 37:17, 28; 45:4). Nahita fahitana ny amin' ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy i Elisa (2 Mpan. 6:12–17).
7. **Samaria** Ny renivohitry ny Fanjakana Avaratra (1 Mpan. 16:24–29). Nanorina tempoly ho an' i Bala i Ahaba Mpanjaka (1 Mpan. 16:32–33). Nanompo tao i Elia sy i Elisa (1 Mpan. 18:2; 2 Mpan. 6:19–20). Azon' ny Asyriana izy tamin' ny 721 talohan' i J.K., ka tanteraka tamin' izay ny famaboana ny foko folo (2 Mpan. 18:9–10).
8. **Sekema** Nanorina alitara i Abraham (Gen. 12:6–7). Nonina tsy lavitra tao i Jakoba. Novonoin' i Simeona sy i Levy ny lehilahy rehe-ta tao amin' io tanàna io (Gen. 34:25). Avy tao Sekema ny fankaherezan' i Josoa “hifidy... anio” hanompo an' Andriamanitra (Jos. 24:15). Naorin' i Jeroboama tao ny renivohitra voalohan' ny Fanjakana Avaratra (1 Mpan. 12).
9. **Tendrombohitra Ebala sy ny Tendrombohitra Gerizima** Nizara an' i Israely teo amin' ireo tendrombohitra roa ireo i Josoa—Nambara avy eo amin' ny Tendrombohitra Gerizima ny fitahian' ny lalàna, raha teo amin' ny Tendrombohitra Ebala kosa ny ozona (Jos. 8:33). Nanorina tempoly teo ambonin' i Gerizima ny Samaritana taty aoriana (2 Mpan. 17:32–33).
10. **Penoela (Peniela)** Tao i Jakoba no nifampitolona indray alina manontolo tamin' ny iraky ny Tompo (Gen. 32:24–32). Nandrava ny mandan' ny Midianita i Gideona (Mpits. 8:5, 8–9).
11. **Jopa** Niantsambo avy eo i Jona hankany Tarsisy mba handositra ny asa nanirahana azy ho any Ninive (Jona 1:1–3).
12. **Silo** Tao no toeran' ny renivohitr' i Israely sy ny tabernakely tamin' ny andron' ny Mpitsara (1 Sam. 4:3–4).
13. **Betela (Loza)** Teo no nisarahan' i Abrahama tamin' i Lota (Gen. 13:1–11) sy nahazoany fahitana (Gen. 13; Abr. 2:19–20). Nahita fahitana ny amin' ny tohatra nanakatra ny lanitra i Jakoba (Gen. 28:10–22). Nipetraka tao nandritra ny fotoana iray ny tabernakely (Mpits. 20:26–28). Nanao ombikely volamena i Jeroboama hotompoin' ny Fanjakana Avaratra (1 Mpan. 12:26–33).
14. **Gibeona** Avy ao ny mponina Hivita no namelapandrika tamin' i Josoa hanao fifanekena (Jos. 9). Nijanona tsy nihetsika ny masoandro raha nandresy tamin' ny ady i Josoa (Jos. 10:2–13). Toerana vonjy maika ho an' ny tabernakely koa izany (1 Tan. 16:39).
15. **Gaza, Asdoda, Askelona, Ekrona, Gata (ireo tanàna dimin' ny Filistina)** Namaky ady matetika tamin' i Israely avy teo amin' ireo tanàna ireo ny Filistina.
16. **Betleheima** Nalevina tsy lavitra teo i Rahely (Gen. 35:19). Nonina tao i Rota sy i Boaza (Rota 1:1–2; 2:1, 4). Nantsoina hoe ny tanànan' i Davida io tanàna io (Lio. 2:4).
17. **Hebrona** Nonina tao i Abrahama (Gen. 13:18), i Isaka, i Jakoba (Gen. 35:27), i Davida (2 Sam. 2:1–4), ary i Absalom (2 Sam. 15:10). Io no renivohitr' i Joda voalohany teo ambany fanapahan' i Davida Mpanjaka (2 Sam. 2:11). Heverina fa milevina ao Hebrona ao amin' ny lava-baton' i Makpela i Abrahama, i Saraha, i Isaka, i Rebeka, i Jakoba, ary i Lea (Gen. 23:17–20; 49:31, 33).
18. **En-gedia** Niafina an' i Saoly i Davida ary nitsimbina ny ain' i Saoly (1 Sam. 23:29; 24:1–22).
19. **Gerara** Nisy fotoana nonina tao i Abrahama sy i Isaka (Gen. 20–22; 26).
20. **Beri-seba** Nandavaka fantsakana tao i Abrahama ary nanao fanekena tamin' i Abimeleka (Gen. 21:31). Nahita ny Tompo i Isaka (Gen. 26:17, 23–24), ary nonina tao i Jakoba (Gen. 35:10; 46:1).
21. **Sodoma sy Gomora** Nifidy ny honina tao Sodoma i Lota (Gen. 13:11–12; 14:12). Noravan' Andriamanitra noho ny faharatsiana i Sodoma sy i Gomora (Gen. 19:24–26). Nampiasain' i Jesoa ho ohatra amin' ny faharatsiana ireo tanàna roa ireo (Mat. 10:15).




1. **Tiro sy Sidona** Noharin' i Jesoa tamin' i Tiro sy i Sidona i Korazina sy i Betsaida (Mat. 11:20–22). Nanasitrana ny zanakavavin' ny vehivavy jentilisa iray Izy (Mat. 15:21–28).
2. **Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy** Niova tarehy teo anoloan' i Petera sy i Jakobà ary i Jaona i Jesoa ary nandray ny fanalahidin' ny fanjakana izy ireo (Mat. 17:1–13). (Mino ny sasany fa ny Tendrombohitra Hermona no Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy, ny hafa kosa manao izany ho ny Tendrombohitra Tabara.)
3. **Kaisaria Filipo** Nijoro ho vavolombelona i Petera fa i Jesoa no Kristy, ary nampanantenaina ny fanalahidin' ny fanjakana izy (Mat. 16:13–20). Nanambara mialoha ny hahafatesany sy ny hitsanganany amin' ny maty i Jesoa (Mat. 16:21–28).
4. **Faritr' i Galilea** Nandany ny ampahany be indrindra tamin' ny fiainany sy ny fanompoany tao Galilea i Jesoa (Mat. 4:23–25). Teo no nanomezany ny Toriteny teo an-tendrombohitra (Mat. 5–7), nanasitrany boka (Mat. 8:1–4), ary nifidianany sy nanokanany ary nanirahany ny Apostoly Roa ambin' ny fololahy, izay i Jodasy Iskariota ihany no tsy Galileana (Mar. 3:13–19). Niseho tamin' ireo Apostoly tao Galilea i Kristy nitsangana tamin' ny maty (Mat. 28:16–20).
5. **Ranomasin' i Galilea, izay nantsoina hoe Ranomasin' i Tiberiada tatỳ aoriana** Nampianatra avy eo amin' ny sambon' i Petera i Jesoa (Lio. 5:1–3) ary niantso an' i Petera, i Andrea, i Jakobà ary i Jaona mba ho mpanarato olona (Mat. 4:18–22; Lio. 5:1–11). Nampitony ny tafiotra koa Izy (Lio. 8:22–25), nampianatra fanoharana avy teo ambony sambo (Mat. 13), nandeha teo ambony ranomasina (Mat. 14:22–32), ary niseho tamin' ny mpianany taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty (Jao. 21).
6. **Betsaida** Teraka tao Betsaida i Petera, i Andrea, ary i Filipo (Jao. 1:44). Nandeha tao amin' ny mangingina niaraka tamin' ny mpianany tao akaikin' i Betsaida i Jesoa. Nanaraka Azy ny olona ary namahana olona 5000 Izy (Lio. 9:10–17; Jao. 6:1–14). Tao no nanasitranan' i Jesoa lehilahy jamba iray (Mar. 8:22–26).
7. **Kapernaomy** Io no tanànan' i Petera (Mat. 8:5, 14). Tao Kapernaomy, izay nantsoin' i Matio hoe ny tanànan' i Jesoa, no nanasitranan' i Jesoa ny lehilahy malemy iray (Mat. 9:1–7; Mar. 2:1–12), nanasitrana ny mpanompon' ilay kapi-teny, nanasitrana ny rafozambavin' i Petera (Mat. 8:5–15), niantso an' i Matio ho iray amin' ny Apostoliny (Mat. 9:9), nanokatra mason' ny jamba, nandroaka devoly (Mat. 9:27–33), nanasitrana ny tanan' ilay lehilahy maty tanana tamin' ny Sabata (Mat. 12:9–13), nanao ny toriteny momba ny mofon' aina (Jao. 6:22–65), ary nanaiky handoa hetra, ka niteny tamin' i Petera haka ny vola avy eo ambavan' ny hazandrano (Mat. 17:24–27).
8. **Magdala** Tao no nonenan' i Maria Magdalena (Mar. 16:9). Nankao i Jesoa taorian' ny namahanany ny olona 4000 (Mat. 15:32–39), ary nangataka taminy ny Fariseo sy ny Sadoseo haneho amin' izy ireo famantarana avy any an-danitra (Mat. 16:1–4).
9. **Kana** Namadika ny rano ho divay i Jesoa (John 2:1–11) ary nanasitrana ny zanakalahin' ilay tandapa izay tao Kapernaomy (Jao. 4:46–54). Fonenan' i Natanaela koa i Kana (Jao. 21:2).
10. **Nazareta** Tao Nazareta no nisan' ny fanambarana tamin' i Maria sy Josefa (Mat. 1:18–25; Lio. 1:26–38; 2:4–5). Nandany ny fahazazany sy ny fahatanorany tao i Jesoa (Mat. 2:19–23; Lio. 2:51–52), nanambara fa Izy no Mesia, saingy nolavin' ny Azy ihany (Lio. 4:14–32).
11. **Jeriko** Nampahiratra ny lehilahy iray jamba i Jesoa (Lio. 18:35–43). Niara-nisakafo tamin' i Zakeo, "lehiben' ny mpamory hetra" Izy (Lio. 19:1–10).
12. **Betabarà** Nijoro ho vavolombelona i Jaona Mpanao Batisa fa izy no "ilay feo miantso any an' efitra" (Jao. 1:19–28). Nanao batisa an' i Jesoa tao amin' ny Renirano Jordana i Jaona ary nijoro ho vavolombelona fa i Jesoa no Zanakondrin' Andriamanitra (Jao. 1:28–34).
13. **Tany foanan' i Jodea** Nitovy teny tao amin' io tany efitra io i Jaona Mpanao Batisa (Mat. 3:1–4), toerana izay nifadian' i Jesoa hanina 40 andro sy nakana fanahy Azy (Mat. 4:1–11).
14. **Emaosy** Nandeha tamin' ny lalana mankany Emaosy niaraka tamin' ny mpianany roalahy i Kristy nitsangana tamin' ny maty (Lio. 24:13–32).
15. **Betifage** Nisy mpianatra roa nitondra boriky teo amin' i Jesoa ka teo ambonin' izany no nidirany tamin' ny fomba manetriketrika tao Jerosalema (Mat. 21:1–11).
16. **Betania** Tao no nonenan' i Maria, i Marta, ary i Lazarosy (Jao. 11:1). Nandre ny tenin' i Jesoa i Maria, ary niteny tamin' i Marta i Jesoa ny amin' ny fidianana ny "anjara tsara" (Lio. 10:38–42); natsangan' i Jesoa tamin' ny maty i Lazarosy (Jao. 11:1–44); ary nanosotra ny tongotr' i Jesoa i Maria (Mat. 26:6–13; Jao. 12:1–8).
17. **Betlehema** Teraka sy nampandriana tao an-tranon' omby i Jesoa (Lio. 2:1–7); nanambara tamin' ny mpiandry ondry ny fahaterahan' i Jesoa ny anjely (Lio. 2:8–20); notarihin' ny kintana ho any amin' i Jesoa ny olon-kendry (Mat. 2:1–12); ary novonoin' i Heroda ny zaza (Mat. 2:16–18).



1. **Golgota** Mety ho ny toerana nanomboana an' i Jesoa (Mat. 27:33–37).
2. **Sahan' ny Fasana** Izay nandevenana an' i Jesoa (Jao. 19:38–42). Niseho tamin' i Maria Magdalena tao amin' ny saha i Kristy nitsangana tamin' ny maty (Jao. 20:1–17).
3. **Manda Antonia** Mety ho tao no niampangana, nanamelohana, nanarabiana, ary nikapohana an' i Jesoa (Jao. 18:28–19:16). Nosamborina i Paoly ary nitantara ny tantaran' ny fiovam-pony (Asa 21:31–22:21).
4. **Dobon' i Betesda** Nanasitrana malemy tamin' ny Sabata i Jesoa (Jao. 5:2–9).
5. **Tempoly** Nampantanena an' i Zakaria i Gabriela fa hitera-dahy i Elizabeta (Lio. 1:5–25). Nitriatra ny voalin' ny tempoly tamin' ny nahafatesan' ny Mpamonjy (Mat. 27:51).
6. **Vavahadin' i Solomona** Nilaza ny tenany fa Zanak' Andriamanitra i Jesoa. Nanandrana nitara-bato Azy ny Jiosy (Jao. 10:22–39). Nitovy fibebahana i Petera taorian' ny nanasitrany lehilahy nalemy tongotra (Asa 3:11–26).
7. **Vavahady Tsaraendrika** Nanasitrana lehilahy nalemy tongotra i Petera sy i Jaona (Asa 3:1–10).
8. **Tendron' ny Tempoly** Nalain' i Satana fanahy i Jesoa (Mat. 4:5–7). (Toerana roa no mety ho nitran-gan' izany araka ny lovantsofina).
9. **Tendrombohitra Masina** (tsy voalaza ny toerana)
 - a. Ambaran' ny lovantsofina fa teo no nanorina alitara hanaovana sorona an' i Isaka i Abrahama (Gen. 22:9–14).
 - b. Nanorina tempoly i Solomona (1 Mpan. 6:1–10; 2 Tan. 3:1).
 - d. Noravan' ny Babyloniana ilay tempoly nanodidina ny 587 talohan' i j.k. (2 Mpan. 25:8–9).
 - e. Nanangana indray ny tempoly i Zerobabala nanodidina ny 515 talohan' i j.k. (Ezra 3:8–10; 5:2; 6:14–16).
 - f. Nanitatra ny kianjan' ny tempoly sy nanangana ny tempoly i Heroda nanomboka ny 17 talohan' i j.k. Nentina tao i Jesoa zazakely (Lio. 2:22–39).
 - g. Nampianatra tao amin' ny tempoly i Jesoa raha Izy 12 taona (Lio. 2:41–50).
 - h. Nodiovina' i Jesoa ny tempoly (Mat. 21:12–16; Jao. 2:13–17).
 - i. Nampianatra tao amin' ny tempoly tamin' ny fotoana samihafa i Jesoa (Mat. 21:23–23:39; Jao. 7:14–8:59).
 - j. Noravan' ny Romana teo ambany fanapahan' i Titosy ny tempoly ny 70 taorian' i j.k.
10. **Sahan' i Getsemane** Nijaly, novadihana ary nosamborina i Jesoa (Mat. 26:36–46; Lio. 22:39–54).
11. **Tendrombohitra Oliva**
 - a. Nanambara mialoha ny fandravana an' i Jerosalema sy ny tempoly i Jesoa. Niresaka momba ny Fiaviana Fanindroany koa Izy (Mat. 24:3–25:46; jereo koa JS—M).
 - b. Avy eo no niakaran' i Jesoa ho any an-danitra (Asa 1:9–12).
 - c. Ny 24 Ôktôbra 1841, nanokana ny Tany Masina ho amin' ny fiverenan' ny zanak' i Abrahama ny Loholona Orson Hyde.
12. **Loharano Gihona** Nohosorana ho mpanjaka i Solomona (1 Mpan. 1:38–39). Nampandavaka zohindalana i Hezekia hitondrana ny rano avy eo amin' ny loharano mankao an-tanàna (2 Tan. 32:30).
13. **Vavahadin-drano** Namaky sy nanazava ny lalàn' i Mosesy i Ezra (Neh. 8:1–8).
14. **Lohasaha Hinoma** Nanompoana an' i Moleka andriamani-kafa, ka isan' izany ny fanaterana zaza ho sorona (2 Mpan. 23:10; 2 Tan. 28:3).
15. **Tranon' i Kaiafa** Nentina teo anoloan' i Kaiafa i Jesoa (Mat. 26:57–68). Nolavin' i Petera ny fahafantarany an' i Jesoa (Mat. 26:69–75).
16. **Rihana Ambony** Ny toerana araka ny lovantsofina nihinanana' i Jesoa ny hanin' ny Paska sy nanombohany ny fanasan' ny Tompo (Mat. 26:20–30). Nanasa ny tongotry ny Roambinifolalahy Izy (Jao. 13:4–17) sady nampianatra azy ireo (Jao. 13:18–17:26).
17. **Lapan' i Heroda** Mety ho teo amin' io toerana io no nitondrana an' i Kristy teo anoloan' i Heroda (Lio. 23:7–11).
18. **Jerosalema** (tsy voalaza ny toerana)
 - a. Nanjaka ho mpanjakan' i Salema i Melkizedeka (Gen. 14:18).
 - b. Namabo ny tanàna tamin' ny Jebosita i Davida Mpanjaka (2 Sam. 5:7; 1 Tan. 11:4–7).
 - d. Noravan' ny Babyloniana ny tanàna nanodidina ny 587 talohan' i j.k. (2 Mpan. 25:1–11).
 - e. Maro no feno ny Fanahy Masina tamin' ny andro Pentekosta (Asa 2:1–4).
 - f. Nosamborina i Petera sy i Jaona ary nentina nanoloana ny filan-kevitra (Asa 4:1–23).
 - g. Nandainga tamin' ny Tompo i Ananiasy sy i Safira ka maty (Asa 5:1–10).
 - h. Nosamborina i Petera sy i Jaona, saingy nisy anjely iray nanafaka ary ireo tao am-ponja (Asa 5:17–20).
 - i. Nifidy lehilahy fito ny Apostoly hanampy azy (Asa 6:1–6).
 - j. Nolavina ny fijoroana ho vavolombelona nataon' i Stefana tamin' ny Jiosy, ary notoraham-bato ho faty izy (Asa 6:8–7:60).
 - k. Novonoina maritiora i Jakoba (Asa 12:1–2).
 - l. Nafahan' ny anjely tao an-tranomaizina i Petera (Asa 12:5–11).
 - m. Nanapa-kevitra ny momba ny famoràna ny Apostoly (Asa 15:5–29).
 - n. Noravan' ny Romana teo ambany fanapahan' i Titosy ny tanàna ny 70 taorian' i j.k.





16:9-12). Nanangana an' i Eotika tamin' ny maty i Paoly nandritra ny dia fahatelo nataony (Asa 20:6-12).

20. Filipo Nampiova fo ny vehivavy iray antsoina hoe Lidia, nandroaka fanahy ratsy, ary nokopina i Paoly; i Silasy ary i Timoty (Asa 16:11-23). Nahazo fanampiana avy any an-danitra nanafaka tao an-tranomaizina izy ireo (Asa 16:23-26).

21. Atena Nitry teny teo amin' ny Havoanan' i Martisa (Areopago) momba ny "andriananitra tsy fantatra" i Paoly nandritra ny asa fitoriana faharoa nataony tao Atena (Asa 17:22-34).

22. Korinto Nankao Korinto i Paoly tamin' ny dia fitoriana faharoa nataony, ary nipetraka niaraka tamin' i Akolia sy i Prisila. Nitry teny sy nanao batisa olona maro tao izy (Asa 18:1-18). Avy ao Korinto no nanoratan' i Paoly ny epistiliny ho an' ny Romana.

23. Tesalonika Nitry teny tao i Paoly nandritra ny dia fitoriana faharoa nataony. Nianinga avy ao Berea ny andiana mpitory niaraka tamin' taorian' ny nilofoan' ny Jiosy ny ainy (Asa 17:1-10).

24. Berea Nahita olona tsara toe-panahy hampianarina i Paoly sy i Silasy ary i Timoty nandritra ny dia fitoriana faharoa nataony. Nanaraka sy nanenjika azy ireo ny Jiosy (Asa 17:10-13).

25. Masedonia Nampianatra tao i Paoly nandritra ny diany faharoa sy fahatelo (Asa 16:9-40; 19:21). Noderain' i Paoly ny fahalalahana-tanany ireo Olomasin' i Masedonia, izay nanome azy sy ireo Olomasina mahantra tao Jerosalema (Rom. 15:26; 2 Kor. 8:1-5; 11:9).

26. Malta Vaky sambo tao amin' io nosy io i Paoly raha an-dalana ho any Roma (Asa 26:32; 27:1, 41-44). Izy nani-nona tamin' ny kaikity ny menarana izy ary nanasitrana olona narary maro tao Malta (Asa 28:1-9).

27. Roma Nitry teny nandritra ny roa taona tao i Paoly raha izy tao an-tranomaizina (Asa 28:16-31). Nanoratra epistiliny taratasy ho an' ny Efesiana sy ny Filipiana sy ny Kolosiana ary tamin' i Timoty sy i Filemona koa izy raha izy nigadra tao Roma. Nanoratra ny epistiliny voo-lohany avy any "Babiliona," izay azy inoana fa i Roma, i Petera, izy ela taorian' ny nanenjahan' i Nerao ny Kristiana tamin' ny 64 taorian' i.k. Inoan' ny maro fa tao no namonoana maritiora an' i Petera sy i Paoly.

Notoraham-bato sy noheverina fa maty i Paoly saingy mbola velona sy nandry ny fitoriana (Asa 14:6-21). Forenan' i Timoty (Asa 16:1-3).

13. Ikoniona Nitry tao i Paoly sy i Barnabasy tamin' ny asa fitoriana voalohany nataony ary norahonana ny hotoraham-bato (Asa 13:51-14:7).

14. Laodikia sy Kolosy Laodikia no iray amin' ireo sampan' ny Fiangonana izay novangan' i Paoly sy nandray taratasy avy aminy (Kol. 4:16). Io koa no iray amin' ireo tanàna fito voatanisa ao amin' ny bokin' ny Apokalipsy (ireo hafa dia i Efeso, i Smirna, i Pergamosy, i Tyatira, i Sardisy, ary i Filadelfia; jereo Fan. 1:11). 18 kilao metatra atsinanany i Laodikia i Kolosy. Nanoratra tamin' ireo Olomasina izay notina tao i Paoly.

15. Antiohia (ao Pisidia) Nampianatra ny Jiosy i Paoly sy i Barnabasy tamin' ny asa fitoriana voalohany fa avy amin' ny taranak' i Davida i Kristy. Nanolotra ny filazantsara tamin' i Israely, ary avy eo tamin' ny Jentilisa i Paoly. Nenjehina sy norahina i Paoly sy i Barnabasy (Asa 13:14-50).

16. Mileto Nandritra ny asa fitoriana fahatelo nataony, dia nampianarina an' ireo loholon' ny Fiangonana i Paoly fa hisy "amboadia masiaka" hiditra eo amin' ny ondry (Asa 20:29-31).

17. Palmo Gadra tao amin' io nosy io i Jaona raha nandray ny fahitana izay hita ankehitriny ao amin' ny bokin' ny Apokalipsy (Fan. 1:9).

18. Efeso Nitry tamin-kery tao i Apolasy (Asa 18:24-28). I Paoly tamin' ny asa fitoriana fahatelo nataony, dia nampianatra tao Efeso nandritra ny roa taona ka nampiova io olona maro (Asa 19:10, 18). Nanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina tamin' ny fametrahana-tanana izy tao (Asa 19:1-7) ary nanao fahagazana maro, ka isan' izany ny fandroahana fanahy ratsy (Asa 19:8-21). Tao no nitari-rihan' ireo mpivavaka amin' i Diana sahohaka hanoharana an' i Paoly (Asa 19:22-41). Mivantan' amin' ny Fiangonana ao Efeso ny ampahany amin' ny bokin' ny Apokalipsy (Fan. 1:11).

19. Troasy Raha mbola tao i Paoly nandritra ny dia fitoriana faharoa nataony, dia nahita tamin' ny fahitana lehibahy iray any Masedonia izay nangataka fanampiana (Asa

1. Gaza Nitry ny amin' i Kristy i Filipo ary nanao batisa tandapa Etiopiana iray raha teo an-dalana ho any Gaza (Asa 8:26-39).

2. Jerosalema Jereo sarintany 12 momba ny zava-nitranga tao Jerosalema.

3. Jopa Azon' i Petera ny fahitana manambara fa manolo-trà ny fanomezan' ny fifebahana amin' ny Jentilisa Andriananitra (Asa 10; 11:5-18). Nanangana an' i Tabita tamin' ny maty i Petera (Asa 9:36-42).

4. Samaria Nanompo tao Samaria i Filipo (Asa 8:5-13), ary nampianatra tao i Petera sy i Jaona taty aoriana (Asa 8:14-25). Taorian' ny nanoratan' izy ireo ny fanomezana ny Fanahy Masina, dia nitady ny hiviody ny fanomezana io tamin' izy ireo i Simona mpanao ody (Asa 8:9-24).

5. Kaisaria Rehefa avy nitry tamin' ny Kapiteny antsoina hoe Kornelio ny anjely tao, dia namela azy hatao batisa i Petera (Asa 10). Tao no niaro tena naloana an' i Agripa i Paoly (Asa 25-26; jereo koa JS—I 1:24-25).

6. Damaskosy Niseho tamin' i Saoly i Jesoa (Asa 9:1-7). Taorian' ny namaganan' i Ananiasy ny fahitan' i Saoly, dia natso batisa i Saoly ary nanomboka ny asa fanompoany (Asa 9:10-27).

7. Antiohia (ao Syria) Tao no niantsoana voalohany ny mpianatra ho Kristiana (Asa 11:26). Namainty mosary i Agabo (Asa 11:27-28). Nisy fahioherana lehibe nitranga tao Antiohia mikasika ny famorana (Asa 14:26-28; 15:1-9). Tao Antiohia no nanombohan' i Paoly ny asa fitoriny faharoa, niaraka amin' i Silasy sy i Barnabasy ary i Jodasy Barsabasy (Asa 15:22, 30, 35).



8. Tarsa Tanàna navian' i Paoly; nalefan' ireo rahalahy nankao i Paoly mba hiarovana ny ainy (Asa 9:29-30).

9. Kiproso Nandositra nankao ireo olomasina sasany taorian' ny fanenjehana azy (Asa 11:19). Nandalo namaki-vaky an' i Kiproso i Paoly tamin' ny dia fitoriana nataony voalohany (Asa 13:4-5), tahaka izany koa i Barnabasy sy i Marka taty aoriana (Asa 15:39).

10. Paflo Nazonana mpanao ody i Paoly tao (Asa 13:6-11).

11. Derbe Nitry ny filazantsara tao amin' io tanàna io i Paoly sy i Barnabasy (Asa 14:6-7, 20-21).

12. Listra Nohobiana toy ny Andriananitra i Paoly sy i Barnabasy raha nanasitrana kilematina iray i Paoly.



*Nohalehibeazina ny vohontany hanehoana mazava tsara ny fahasamihafan' ireo haavo.



1. RENIRANO NAILY SY EGYPTA Tamin' ny toerana toy izao no nanafenan' ny renin' i Mosesy ny zanany. Nahita azy ny zanakavavin' i Farao ary nitaiza azy tao an-dapan' i Egipta.



2. TENDROMBOHITRA SINAY (HOREBA) SY NY TANY FOANAN' I SINAY Noho ny didy dia nentin' i Mosesy teo amin' io tendrombohitra io ny Isiraelita handray ny lalàn' Andriamanitra. Asehon' io sary io ny toerana araka ny lovantsofina ho ny Tendrombohitra Sinay.



3. NY TANY FOANAN' I JODEA SY NY RANOMASINA MATY Nankao amin' ny tany efitra ny Mpamonjy hiresaka amin' ny Rainy.



4. KADESY-BARNEA Io toerana izay fantatra amin' ny anarana Kadesy-barnea io no azo inoana fa toerana nitobian' ny Isiraelita nandritra ny 40 taona tany an' efitra.



5. **FASAN' IREO PATRIARIKA** Io fanorenana ao Hebrona io dia ambara ho naorina eo ambonin' ny fasan' i Abrahama, i Isaka, ary i Jakoba.



6. **TANY HAVOANAN' I JODEA** Rakotra tany mikitoantoana toa io ny ankabeazan' ny tany masina ao atsimo sy ao atsinanan' i Jerosalema.



7. **BETLEHEMA** Teraka tao amin' io tanàna io ny Tompo Jesoa Kristy.



8. **JEROSALEMA** Fivavahana telo no mihevitra io tanàna io ho masina: ny Kristianisma, ny Jodaisma, ary ny Silamo.



9. TEMPOLIN' I HERODA Ambara ho ala-tahaka mitovy tanteraka amin' ilay tempoly taloha io modely io.



10. TOHATRA MANKAO AMIN' NY TEMPOLY Ireo tohatra mitondra mankao amin' ny tempolin' i Heroda ireo dia navoakan' ny mpahainifahagola.



11. TENDROMBOHITRA OLIVA, SAHAN' I ORSON HYDE Akaikin' io toerana io ny taona 1841 no nanokanan' ny Loholona Orson Hyde ny tany masina ho an' ny fiverenan' ny zanak' i Abrahama.



12. SAHA GETSEMANE Ireo hazo oliva antitra ireo dia mety ho taranak' ireo hazo oliva tao amin' ny saha izay nivavahan' ny Mpamonjy sy nivoahany dinitra ra raha Izy nanomboka ny Sorompanavotana.



13. GOLGOTA Araka ny lovan-tsofina malaza dia tsy lavitra teo no nanomboana ny Tompo Jesoa Kristy.




14. FASANA AN-JARIDAINA Maro amin' ireo mpaminany ankehitriny no nilaza ny fahatsapany fa tao no nametrahana ny vatan' ny Mpamonjy tao amin' ny fasan' i Josefa avy any Arimatia taorian' ny fanomboana azy.



15. JERIKO Io no tanàna voalohany nobaboin' i Josoa (jereo Jos. 6:2–20); Iray amin' ny tanàna tranainy indrindra eto an-tany i Jeriko.



16. SILO Natsangana tao amin' io toerana io ny tabernakely mirakitra ny fiaran' ny fanekena ary nijanona tao nandritra ny taon-jato maro.




17. TENDROMBOHITRA GERIZIMA SY TENDROMBOHITRA EBALA Mandondona ny tanànan' i Sekema fahizay, izay nandevenana ny taolambalon' i Josefa, ireo tendrombohitra roa ireo (jereo Jos. 24:32).



18. DOTANA AO SAMARIA Tonga hiandry ny bibiny tao amin' io lohasaha lonaka io ireo rahalahin' i Josefa raha izy ireo nivarotra ny rahalahiny tamin' ny Midianita sy ny Ismaelita mpivarotra.



19. KAISARIA SY NY LEMAK' I SARONA HATRANY KARMELA Nitory teny tamin' ny Mpanjaka Agripa tao amin' io tanàna io i Paoly (jereo Asa 26).



20. JOPA Azon' i Petera tao ny fahitana mandidy azy hitondra ny filazantsara ho any amin' ny Jentilisa (jereo Asa 10).



21. LOHASAHA JEZRELA Hiangona ao ny firenena rehetra amin' ny adin' i Hara-magedona (jereo Zak. 11-14; Fan. 16:14-21).



22. TENDROMBOHITRA TABARA Eo amin' ny tendron' io marika misongadina io, araka ny lovan-tsofina, no nisehoan' ny fiovan-tarehin' i Kristy nanoloana ny Apostoly Petera sy i Jakoba ary i Jaona (jereo Mat. 17:1-9).



23. RANOMASIN' I GALILEA SY NY TENDROMBOHITRY NY FAHASAMBARANA Io tehezan' ny havoana io, araka ny lovan-tsofina, no toerana nanaovan' ny Mpamonjy ny Toriteny teo antendrombohitra (jereo Mat. 5-7).



24. KAPERNAOMY Ireo sisa tsy rava vitsivitsy no hany tafajanona manondro ny toerana nisy ny tanàna izay nanaovan' ny Mpamonjy fahagagana maro.



25. **RENIRANO JORDANA** Nalaina tsy lavitra ny fivoahan' ny renirano avy amin' ny ranomasin' i Galilea io sary io.



26. **KAISARIA FILIPO** Azo inoana fa teo akaikin' io toerana io no nampanantenain' i Kristy an' i Petera ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra (jereo Mat. 16:19).



27. NAZARETA Lehibe tao amin' io tanàna io i Jesoa.



28. DANA Nanamarika ny faritra avaratra indrindra amin' i Isiraely io tanàna izay niorina tamin' ny andron' ny Testamenta Taloha io.



29. **ATENA** Ny Partenona aseho an-tsary eto dia akaikin' ny Havoanan' i Martsa, izay toerana nitorian' i Paoly ny toriteniny momba ilay “andriamanitra tsy fantatra” (jereo Asa 17:15–34).



30. **KORINTO** Avy ao amin' io toerana io no nanoratan' i Paoly ny epistiliny ho an' ny Romana.



31. EFESO Tao no nitorian' i Paoly teny manohitra ny fanompoan-tsampy ka nahatezitra ny mpanefy izay nivelona tamin' ny fivarotana ny sarin' ny andriamani-bavy Diana (jereo Asa 19:24–41).



32. NOSY PATMO Io tany manontolo io dia anisan' ny nosy mediteranéana izay nanaovana sesitany an' i Jaona ilay mpanambara (jereo Fan. 1:9).